


WIDENER
HN JAIT U


Harvard College Library
In Memory of
Aleixo de Queiroz Ribeiro
de Sotomayor d'Almeida
e Vasconcellos
Count of Santa Eulalia
The Gift of
John B. Stetson Junior
of the Class of 1906



DICTIONNAIRE

FRANÇAIS-MALGACHE


DICTIONNAIRE

FRANCAIS-MALGACHE

PAR

LE R. P. MALZAC

DE LA COMPAGNIE DE JÉSUS.



TANANARIVE

IMPRIMERIE DE LA MISSION CATHOLIQUE,
MAHAMASINA.

1893

Tananarive : — Imprimerie de la Mission Catholique.

PRÉFACE.

Ce Dictionnaire est surtout destiné aux Français qui viennent à Madagascar. Il leur facilitera, nous l'espérons, l'étude d'une langue qui leur est nécessaire pour se mettre en relation avec les habitants au milieu desquels ils vivent. Ils y trouveront la traduction des mots français employés dans le langage ordinaire, soit en France, soit dans ces pays-ci. Les nombreux exemples que nous avons pris du Dictionnaire de l'Académie Française ou du Dictionnaire classique de Bénard leur feront connaître les mots et les tournures malgaches qui traduisent nos diverses expressions françaises.

Ils verront que la langue malgache abonde en mots pour exprimer ce qui tombe sous les sens, mais aussi qu'elle est très pauvre pour rendre les idées morales et métaphysiques, et, en général, tout ce qui concerne les sciences; et souvent alors la traduction des mots français ne peut se faire que par une définition.

Pour éviter toute confusion, nous n'employons dans les diverses traductions que les mots usités dans la langue hova, surtout à Tananarive. Le hova étant compris à peu près partout, le Français qui connaîtra ce dialecte pourra se faire comprendre des Malgaches des différentes provinces.

Il est bon de faire observer que pour se servir utilement de ce Dictionnaire, il faut auparavant savoir les éléments de la grammaire malgache. C'est pour cela que nous croyons utile de reproduire ici l'abrégé succinct de grammaire malgache dont nous avons fait précéder le Dictionnaire Malgache-Français publié en 1889.

Ce Dictionnaire est destiné en second lieu aux Malgaches qui veulent apprendre la langue française. De plus en plus les jeunes Malgaches désirent étudier le français; mais ils n'ont eu jusqu'ici aucun livre qui les aidât à en faire une étude sérieuse. Dans ce Dictionnaire ils trouveront rendues en leur propre langue la plupart des expressions françaises capables de les embarrasser; et surtout, ce qui constitue pour eux une grande difficulté, ils y verront clairement rangés et distincts les divers sens de beaucoup de mots français qu'ils ne connaissaient qu'imparfaitement. Nous espérons qu'il leur sera grandement utile pour arriver à bien savoir notre langue.

SASIN-TENY.

Ity Diksionary ity aloha dia natao indrindra ho any ny Vazaha frantsay izay tonga eto Madagaskara, mba mora hahaizany faingana ny teny malagasy; satria tsy hifankahazo resaka amy ny Malagasy na oviana na oviana izy, raha tsy mianatra ny fiteniny. Koa amin' ity boky ity indrindra no hahitan' izy ireo ny teny sy ny fombam-pitenenana samihafa fanao amy ny teny malagasy, izay azo entina handikana ny teny frantsay na inona na inona.

Ary tsy ny Vazaha frantsay hiany koa ancfa no nanaovana ity Diksionary ity, fa mba ho an' izay Malagasy ta-hahalala mazava ny hevitry ny teny frantsay, satria saiky mitombo isa isan' andro ny zatovo malagasy te-hianatra izany fiteny izany, sady mandraka ankehitriny dia mbola tsy nisy boky hamotopotorany azy tsara. Koa ato amin' ity boky ity koa no ahitan' izy ireo ny dikan' ny ankabiazan' ny fombam-pitenenana frantsay izay manahirana azy, sady voavaka mazava avokoa ny hevitry ny teny frantsay samihafa rehetra izay tsy mbola hainy tsara. Ary amin' izany, dia azo antenaina fa hanampy indrindra ny zatovo izay te-hianatra ny fiteny frantsay ity boky ity.

Kanefa tokony hotsarovana, fa tsy ampy velively akory ny manana fotsiny ity Diksionary ity, raha tsy efa namotopototra tsara ny gramara frantsay aloha; ary tsy natao tato anatin' ity boky ity izany, fandrao tonga hahalava azy loatra.

Tananarive, 31 Juillet, 1893.

V. MALZAC, S. J.

INTRODUCTION.

CHAPITRE I. — LETTRES.

I.— L'alphabet malgache ne possède point les lettres *c, q, u, x*. L'*s* remplace le *c* doux. Le *k* remplace le *c* dur et le *q*. L'*u* n'existe pas. L'*x* est remplacé par *ks* pour les mots qui viennent des langues étrangères. L'*y* ne se trouve qu'à la fin des mots.

II.— Les lettres se prononcent en général comme en français. L'*a* final se prononce très faiblement et est en quelque sorte muet, à moins qu'il ne soit accentué. L'*y* final est aussi prononcé très faiblement. L'*o* se prononce toujours *ou*. Le *g* est toujours dur. Le *j* se prononce *dz*. La prononciation de *dr, tr*, est assez difficile, et ne peut être bien saisie qu'en entendant parler les indigènes. On doit appuyer la langue contre la racine des dents supérieures et faire entendre un léger sifflement dental.

III.— Les diphtongues se prononcent en général comme en français.

Ai, ay, ey se prononcent comme dans le mot *ayant*. Cependant dans ÁIZA, l'*a* étant accentué se prononce séparément. Il se prononce aussi séparément, chaque fois que *a* est ajouté comme préfixe ou augment au radical d'un verbe : AÍDINA, de IDINA ; AÍDITRA, de IDITRA.

Ao dans le corps d'un mot se prononce *o* ou *au*, comme dans le mot français *maussade* : MÁOTONA, *Mótoune*. *Ao* à la fin des mots se prononce comme *óou* ou *àou* ; mais la voix s'appesantit sur l'*o* qui est accentué : HIANAO, *hianóou*. L'*a* de *ao* se prononce séparément comme en français, lorsqu'il est ajouté comme préfixe ou augment au radical d'un verbe : AÓRINA, de ORINA.

IV. **Accent.**— L'accent est un des points les plus importants dans la prononciation du malgache.

Dans MÁRINA, vrai, qui a l'accent sur le premier *a*, l'*a* final disparait en quelque sorte et l'*i* est entendu très faiblement. Le sens d'un mot change complètement selon la place de l'accent : TÁNANA signifie main ; TANÁNA, village.

L'accent se transporte sur la syllabe suivante à l'impératif et dans tous les dérivés qui ont un crément. Ainsi dans le radical LÁZA, l'accent se trouve sur le premier *a* ; à l'impératif MILAZÁ, dites ; au participe LAZAINA, qui est dit ou qu'on dit, ainsi que dans FILAZÁNA, l'action de dire, il passe sur la syllabe suivante.

Cependant par exception l'accent ne change pas ordinairement ; 1° lorsque le radical est un monosyllabe : LÁ, LÁVINA, qu'on nie ; FANDÁVANA, l'action de nier ; 2° lorsque le radical n'a que deux syllabes dont la première est accentuée et la dernière est NA, TRA, KA : FÓNA, FIFÓNANA, supplication ; DÓTRA, DÓRANA, qu'on brûle ; FÓKA, FÓHINA, qu'on aspire. Dans ce dernier cas, lorsque les finales KA, TRA ne subissent aucune modification, l'accent suit la règle générale : TSÁIKA, TSAIKÁINA, qu'on trie ; KÍTRA, KITRÁINA, qu'on excite.

V. **Combinaisons des lettres.**— La prononciation du malgache est en général fort douce. Par suite cette langue admet par euphonie un grand nombre de combinaisons et de changements de lettres. Nous en ferons ici un résumé succinct. Voici les diverses combinaisons de *n* précédant un radical et de *na* et *ny* s'unissant au mot suivant :

n—b	devient	**mb :**	MAN BÁBO	devient	MAMBÁBO
»	»	**m :**		»	MAMÁBO
n—f	»	**mp :**	AN-FÓ	»	AM-PÓ
»	»	**m :**	MAN FÁNTSIKA	»	MAMÁNTSIKA
n—p	»	**mp :**	VONIM-PAISO	»	VONIM-PÁISO
»	»	**m :**	MAN PÓSAKA	»	MAMÓSAKA

n—v	devient	**mb :**	MANANA VÁTANA	devient	MANAM-BATANA
»	»	**m :**	MAN VÁKY	»	MAMÁKY
n—h	»	**ng :**	MAN HÁRONA	»	MANGÁRONA
»	»	**nk :**	VOA NY HAZO	»	VOANKÁZO
n—l	»	**nd :**	MAN LÁNY	»	MANDÁNY
n—m	»	**m :**	MAN MOSÁVY	»	MAMOSÁVY
n—n	»	**n :**	MAN NÉNINA	»	MANÉNINA
n—r	»	**ndr:**	MAN RÉ	»	MANDRÉ
n—s	»	**nts :**	AN-SÁHA	»	AN-TSAHA
n—z	»	**nj :**	MAN ZÉHY	»	MANJEHY.

S, t, ts et souvent *h* et *k* se suppriment après MAN et autres préfixes semblables : MAN SÍMBA, MANÍMBA ; MAN TÁKONA, MANÁKONA ; MAN TSÍRY, MANÍRY ; MAN HÁNTONA, MANÁNTONA ; MAN KOLIKÓLY, MANOLIKÓLY.

Lorsqu'un mot terminé par KA, TRA, s'unit à un mot suivant, ces finales s'élident, et la première lettre du mot qui suit subit diverses modifications :

f	devient	**p :**	TAPAKA FÉ	devient	TAPA-PÉ.
h	»	**k :**	TAPAKA HÁZO	»	TAPA-KAZO
l	»	**d :**	MITARIKA LÁLANA	»	MITARI-DÁLANA
r	»	**dr :**	MANATITRA RÁNO	»	MANATI-DRÁNO
s	»	**ts :**	ZANAKA SÁKA	»	ZANA-TSÁKA
v	»	**b :**	MPIVAROTRA VÁRY	»	MPIVARO-BARY
z	»	**j :**	MOLOTRA ZÁVATRA	»	MOLO-JÁVATRA

CHAPITRE II.—RACINE.

I.— Il est important de connaître la racine des mots et de pouvoir la retrouver dans ses diverses modifications. La racine change et se développe avec une régularité frappante par le moyen des préfixes et des créments. Une fois qu'on a saisi ce développement, l'intelligence sert plus que la mémoire à apprendre un grand nombre de mots qui dérivent de la racine.

Certaines racines sont inusitées toutes seules, et ne sont guère connues que des Européens qui entendant des mots, les ont décomposés selon les règles ordinaires et sont ainsi arrivés à une racine première. Cependant la plupart des racines sont usitées ; quelques-unes même le sont très fréquemment. En général ce sont des noms, des adjectifs, des verbes actifs, des participes. Mais il y a même des pronoms, des adverbes, des prépositions qui forment des conjugaisons régulières.

II.— Il existe, en malgache, un grand nombre de racines qui ne diffèrent que par quelques lettres et dont le sens est presque le même. Le *d* se change facilement en *t* ; le *b* en *v* ou en *p* ; l'*f* en *p* ; l'*h* en *k* ; le *j* en *s* ou en *ts*, etc. ; et il se forme ainsi des racines dont le sens est quelquefois identique et qu'il est facile de retenir à cause de leur ressemblance étonnante. Nous allons en citer quelques exemples :

BANABÁNA, DANADÁNA, SANASÀNA, TANATÀNA.

DANÁNAKA, SONÁNAKA, TONÁNAKA.

REBAIÉJA, REFARÉFA, REPARÉPA, REMARÉMA, RERARÉRA, BORÉRA, GORÉRA, GORAGÓRA, FORÉRA, VORAVÓRA.

HEFIKÉFIKA, HIFIKÍFIKA, KIFIKÍFIKA, HOFOKÓFOKA.

HEBIHÉBY, SEBISÉBY, SELISÉLY, SELONTSÉLONA, TSOLOTSÓLOTRA, HELOHÉLO, HELINGÉLINA.

BÓRAKA, VÓRAKA, VORAVÓRA.

HÁHA, VÁHA.

III. **Racines secondaires.**— Outre les racines premières qui ne dérivent d'aucune autre, il en existe une multitude de secondaires qui dérivent d'une autre et qui ont à peu près le même sens. Une syllabe ajoutée comme préfixe suffit pour cela. Nous allons donner un exemple des diverses particules qui forment ces racines secondaires :

Préfixe	*Racine première*	*Racine secondaire*	*Dérivé*
An	**Tónta**	Antónta	Miantónta
Ba	**Lélaka**	Balélaka	Mibalélaka
Bo	**Rídana**	Borídana	Miborídana
Da	**Rároka**	Dararaka	Midaráraka
Do	**Réhitra**	Doréhitra	Midoréhitra
Fa	**Rítsoka**	Farítsoka	Mifarítsoka
Fo	**Rófotra**	Forófotra	Mamorófotra
Ga	**Reraréra**	Garéra	Migaréra
Go	**Ródona**	Goródona	Migoródona
Ho	**Rírana**	Horírana	Mihorírana
Ja	**Réboka**	Jaréboka	Mijaréboka
Ka	**Ménona**	Kaménona	Mikaménona
Kan	**Ósa**	Kanósa	
Ki	**Ravirávy**	Kiravirávy	Mikiravirávy
Ko	**Dódoka**	Kodódoka	Mikodódoka
Lah	**Ása**	Lahása	
Ngo	**Ródona**	Ngoródona	Mingoródona
Po	**Ríatra**	Poríatra	Miporíatra
Ro	**Áhana**	Roáhana	Miroáhana
Sa	**Félika**	Saféliка	Misafélika
Sak	**Hélika**	Sakélika	Misakélika
Sam	**Fótina**	Sampótina	Misampótina
San	**Ráhaka**	Sandráhaka	Misandráhaka
«	**Hódina**	Sangódina	Misangódina
Som *(om* intercalé)	**Sédika**	Soméдika	Misomédika
Ta	**Boróaka**	Taboróaka	Mitaboróaka
Tan	**Vérina**	Tambérina	Mitambérina
«	**Hólika**	Tangólika	Mitangólika
To	**Hínjaka**	Tohínjaka	Mitohínjaka
Tom *(om* intercalé)	**Tóetra**	Tomóetra	Mitomóetra
Ton	**Hílana**	Tongílana	Mitongílana
Tsa	**Rápaka**	Tsarápaka	Mitsarápaka
Tsan	**Víkina**	Tsambíkina	Mitsambíkina
Tsi	**Károka**	Tsikároka	Mitsikároka
Tsin	**Vádika**	Tsimbádika	Mitsimbádika
«	**Hérina**	Tsingérina	Mitsingérina
Tso	**Ríaka**	Tsoríaka	Mitsoríaka
Va	**Lámpatra**	Valámpatra	Mivalámpatra
Vo	**Zíhitra**	Vozíhitra	Mivozíhitra

IV. **Duplicatif.**— La plupart des racines malgaches se redoublent. Elles forment ainsi un nouveau mot en général plus usité et qui indique la même action faite avec moins d'intensité, ou plus fréquemment, et quelquefois même avec plus de force. En général dans ces duplicatifs la racine première est seule redoublée :

Mídina, descendre, devient Midinídina, descendre souvent.

Cependant l'*n* de *Man* est quelquefois intercalée dans le verbe. Ainsi on dira : Manavinávy, de Manavy (avy); Manampinámpy, de Manampy (ampy); Mandandá, de La; Manekinéky, de Maneky; Manesonéso et Manesoéso, de Maneso (eso); Manotanóta, de Manota (ota).

De même dans les adjectifs qui commençent par *m* et qui sont eux-mêmes racines, ou qui forment une racine secondaire, l'*m* est intercalée dans le duplicatif ; Mailamáilaka, *dupl.* de Mailaka ; Melomélока, *dupl.* de Meloka (heloka).

V. **Investigation de la racine.**— Un point important et difficile pour connaitre la langue, c'est de pouvoir retrouver la racine au milieu des diverses mo-

difications qu'elle subit. Il faut pour cela savoir retrancher ce qui précède la racine, et ce qui la suit.

1° Il faut d'abord savoir retrancher ce qui la précède. Ce sont les préfixes : *M, Ma, Man, Mana, Manka, Mifan, Mampifan, Mampan, Mifampan, Mi, Mampi, Mifampi, Maha, Mampaha, Miha, Mampiha, F, Mp.*

Il faut aussi tenir compte de l'*a* qui précède la racine dans le participe qu'on peut appeler participe augment, et de HA précédant le participe présent passif des adjectifs commençant par une consonne : ATSÍNDRY, de Tsindry ; HAMARÍNIKA, de (marina), qu'on justifie.

2° Il faut de plus savoir retrancher les créments NA, ANA, INA, ENA, SINA, ZINA, VANA, ZANA, qui s'ajoutent à la racine et savoir reconnaître les modifications que subissent les lettre de la racine. Nous parlerons plus loin de ces deux difficultés.

CHAPITRE III.— PARTICIPE.

Dans les verbes malgaches, les participes et les impératifs correspondants sont d'un grand usage.

I.— Bon nombre de participes passifs sont des racines, et n'ont besoin d'aucun préfixe. Ils peuvent être suivis d'un régime indirect :

HITAKO ÍZY, je le vois ; EFA HITAKO ÍZY, je l'ai vu ; Ho HITAKO ÍZY, je le verrai.

II.— **Voa.**— La racine précédée de VOA, forme le participe passé passif et exprime toujours une action subie, reçue par le sujet : VOAKAPOKY NY TOMPONY ÍZY, il a été frappé par son maître. On peut faire aussi précéder VOA du mot EFA et le sens reste le même.

Ce participe passé peut être mis au futur en le faisant précéder de la particule *ho :* IZAY HOVAHANAREO ETY AMBONIN' NY TÁNY, DIA HO VOAVAHA ANY AN-DANITRA KÓA, ce que vous délierez sur la terre, sera délié dans le ciel.

Il est aussi un grand nombre de participes passés passifs qui reçoivent une autre forme en intercalant *in* (prononcé quelquefois *on*) après la première consonne du radical : NOVINÍDIKO IO ou EFA NOVINÍDIKO ou VOAVIDÍKO, je l'ai acheté.

III.— **Tafa.**— TAFA placé devant la racine forme un participe actif et indique un passé complètement écoulé ou bien une action passée dont l'effet dure encore. Il indique de plus que le sujet s'est mis par lui-même, par sa propre action, dans l'état marqué par la racine :

NONY TAFATSANGANA TAO ÍZY, lorsqu'il se fut levé en cet endroit.

TAFATSANGANA ou EFA TAFATSANGANA AO ÍZY, il s'est levé là et il est encore debout.

Ce participe correspond au verbe neutre : **Mi :** NITSÁNGANA, il s'est levé.

Lorsque ce participe se rapporte à un objet inanimé, il signifie que le sujet s'est mis de lui-même, involontairement, accidentellement, dans l'état exprimé par la racine : TAFALATSAKA NY VOANKÁZO, les fruits sont tombés.

On peut mettre le participe TAFA au futur en le faisant précéder de *ho :* Ho TAFAVORY RAHAMPITSO NY VAHÓAKA, le peuple sera réuni demain.

IV.— Le participe présent passif qui est très usité, se termine par ANA, ENA, INA, FANA, SINA, ZANA, ZINA, VANA et a un impératif passif correspondant. Le tableau suivant montrera les diverses modifications que subit la dernière syllabe ou voyelle de la racine :

Racine.	*Participe.*		*Impératif.*
Láza	**Lazáina,**	qu'on dit	Lazáo.
Fóha	**Fohàzina,**	qu'on éveille	Foházo.
Sása	**Sasána,**	qu'on lave	Sasáo.
Doka	**Dokáfana,**	qu'on flatte	Dokáfy.
Kitra	**Kitráina,**	qu'on excite	Kitráo.
Là	**Lávina,**	qu'on nie	Lávy.
Àry	**Ariana,**	qu'on jette	Ario.

Tóry	**Torina,**	qu'on entaille	Torío.
Tèry	**Teréña,**	qu'on presse	Teréo.
Téty	**Tetézina,**	qu'on parcourt	Tetézo.
Héty	**Hetézana,**	qu'on tond	Hetézo.
Nófy	**Nofísina,**	qu'on rêve	Nofíso.
Réfy	**Refésina,**	qu'on mesure	Roféso.
Óty	**Otázana,**	qu'on cueille	Otázo.
Éndy	**Endasina,** / **Endázina,**	qu'on rôtit	Endázo.
Ántso	**Antsóina,**	qu'on appelle	Antsóy.
Sólo	**Solóana,**	qu'on remplace	Solóy.
Tsinjo	**Tsinjóvina,**	qu'on regarde	Tsinjóvy.
Áro	**Aróvana,**	qu'on protège	Aróvy.
Tóvo	**Tovózina,**	qu'on puise	Tovózy.
Fóno	**Fonósina,**	qu'on enveloppe	Fonósy.
Tàzana	**Tazánina,**	qu'on regarde	Tazáno.
Ámbina	**Ambénana,**	qu'on garde	Ambéno.
Ándrana	**Andrámana,**	qu'on goûte	Andrámo.
Léna	**Lémana,**	qu'on mouille	Lémo.
Tàndrina	**Tandrémana,**	à quoi on fait attention	Tandrémo.
Vélona	**Velómina,**	qu'on nourrit	Velómy.
Hélina	**Helénina,**	devant qui on passe	Heléno.
Áraka	**Aráhina,**	qu'on suit	Aráho.
Lélaka	**Leláfina,**	qu'on lèche	Leláfo.
Tévika	**Tevéhina,**	qu'on perce	Tevého.
Sátroka	**Satróhana,**	qu'on coiffe	Satróhy.
Dótra	**Dórana,**	qu'on brûle	Dóry.
Triatra	**Triárina,**	qu'on déchire	Triáro.
Ávotra	**Avótana,**	qu'on arrache	Avóty.
Sókatra	**Sokáfana,**	qu'on ouvre	Sokáfo.
Hévitra	**Hevérina,**	qu'on pense	Hevéro.

Un certain nombre de participes présents passifs se forment en mettant *ha* devant l'adjectif qui commence par une consonne : Hamasinina, de masina, qu'on sanctifie.

Quelques participes se forment aussi en supprimant *m* à *man* ou *manka :* Mangálatra, angalárina, qu'on vole ; Mankahála, ankahaláina, qu'on déteste.

On peut mettre ces divers participes présents au passé et au futur, en les faisant précéder des particules *no, ho :* Nolazaiko taminao izány, je vous l'ai dit ; Hohamarinina izány, ce sera prouvé. Lorsque le radical commence par une voyelle, l'*n* et l'*h* seules restent ; Aráhina, Naráhina, Haráhina.

V.— **Participe augment.**— Il y a un participe qu'on peut appeler augment, parce qu'il reçoit *A* devant le radical. Beaucoup de racines qui n'ont pas le participe présent dont nous venons de parler, ont ce participe augment et dans ce cas ce participe a le même sens : Atsángana, qu'on dresse.

Lorsque le radical a le participe présent ordinaire, il a ordinairement un participe augment, qui signifie en général tout ce dont on peut se servir pour mettre le sujet dans l'état exprimé par la racine : Indro ny menaka ahosotra ázy, voilà la graisse pour l'oindre.

Quelquefois ce participe augment a les deux sens à la fois. Ainsi Afátotra veut dire qu'on enchaine, aussi bien que Fatórana, et il signifie en même temps le lien qui sert à attacher : Indro ny kofehy afatotra ázy, voilà le lien pour le garrotter.

On obtient le passé et le futur de ce participe augment, en le faisant précéder de *n* et de *h :* Izao no teny navaliko ázy, voici les mots par lesquels je lui ai répondu ; Ny vola no havalinao azy amy ny vorona natériny, vous lui donnerez de l'argent en échange de l'oiseau qu'il a apporté.

Ce participe augment a un impératif correspondant qui a le même sens que lui :

Atsangano io hazo io, dressez ce bois ; Afatory izy, attachez-le ; Afatory azy io kofehy io, attachez-le avec cette corde.

VI.— Outre les participes précédents, il y a aussi parfois un participe présent passif terminé en Ana, qui indique toujours une personne ou une chose recevant l'objet ou l'action, et dans ce cas le participe augment ou le participe ordinaire indique l'objet qui est donné :

Ny ankizy madinika no tolorana voankázo, c'est aux petits enfants qu'on offre des fruits.

Ny voankazo no atolotra ázy, les fruits leur sont offerts.

Ny fery no tetevana fanafódy, c'est sur la plaie qu'il faut faire couler le remède goutte à goutte.

Ce participe a aussi un impératif correspondant : Tolory voninkazo ízy, offrez-lui des fleurs.

Le sens ordinaire de ces trois derniers participes se trouve d'une manière claire dans le radical Tafy :

Tafína, qu'on porte comme vêtement.

Tafíana, celui qu'on revêt, qu'on habille.

Atáfy, ce qui sert à revêtir, à habiller.

Ny lamba tafíko, le lamba dont je me revêts.

Tafiako lamba izy, je le revêts d'un Lamba.

Ny lamba atafiko azy, le Lamba dont je le revêts.

CHAPITRE IV.— PRÉFIXES VERBAUX.

Il existe en malgache un grand nombre de préfixes qui donnent divers sens au radical.

1° **Man** ou **Mam**, selon les combinaisons des lettres dont nous avons parlé précédemment, est un des préfixes les plus usités et donne ordinairement à la racine un sens actif : Tsángana, Manángana, dresser ; Fórona, Mamórona, fabriquer, créer.

2° **Mana** et **Manka** donnent à la racine un sens actif : Sítrana, Manasítrana, guérir; Sítraka, Mankasítraka, agréer.

3° **Ma** et **M.** Ma se place devant quelques racines commençant par une consonne ou par une *h* aspirée : Háy, Maháy, savoir; Táhotra, matáhotra, craindre.

Quelquefois *M* se trouve seul devant un radical commençant par une voyelle : Áka, r. Máka, prendre.

4° **Maha** se place devant la plupart des radicaux. On l'appelle préfixe potentiel, parce qu'il indique la capacité, le pouvoir, la faculté, la force de mettre le sujet dans l'état indiqué par la racine :

Mahatáfo, pouvoir couvrir, qui peut couvrir, se dit de celui qui peut couvrir un toit, ainsi que des objets suffisants pour le couvrir.

Mahadídy, pouvoir trancher, qui peut trancher, se dit de l'homme qui tranche et aussi de l'instrument qui suffit pour cela.

5° **Mi** est un préfixe très usité qui se place devant la racine et lui donne ordinairement un sens neutre : Ála, Miála, se retirer.

Mi perd l'*i* lorsque celui-ci se trouve déjà au commencement du radical : Idina, Mídina, descendre.

6° **Miha** indique qu'on se met peu à peu, graduellement, dans l'état marqué par la racine : Sárotra, Mihasárotra, devenir cher, difficile ; Manáritra, Mihamanáritra, guérir peu à peu.

7° **Préfixes causatifs** et **réciproques.** Tous les préfixes précédents peuvent prendre le préfixe causatif Mamp remplaçant *m*.

Les préfixes m, ma, man, mana, manka, peuvent prendre le préfixe réciproque Mif remplaçant l'*m*.

MIFAMPI n'est que le réciproque de MI lors même qu'il renferme le causatif MAMPI: MIARAHÁBA, saluer; MAMPIARAHÁBA, faire saluer; MIFAMPIARAHÁBA, se saluer réciproquement.

Les réciproques précédents peuvent prendre le causatif MAMP: MIFÁMALY, se répondre réciproquement; MAMPIFÁMALY, faire répondre réciproquement, obliger des individus à se répondre les uns aux autres.

Le préfixe réciproque MIF peut se placer devant les causatifs de M, MA, MAN, MANA, MANKA: MAMPAMÁNGY, faire visiter; MIFAMPAMÁNGY, se faire visiter réciproquement par quelqu'un.

Voici le tableau des divers préfixes verbaux:

Simple	*Causatif*	*Réciproque*	*Causatif du réciproque*	***Réciproque du causatif***
M	Mamp			**Mifamp**
Ma	Mampa	Mifa		**Mifampa**
Man	Mampan	Mifan	Mampifan	**Mifampan**
Mana	Mampana	Mifana	Mampifana	**Mifampana**
Manka	Mampanka	Mifanka	Mampifanka	**Mifampanka**
Maha	Mampaha			
Mi	Mampi	Mifampi		
Miha	Mampiha			

Pour mettre ces divers préfixes au passé et au futur, on change *m* en *n* et *n* en *h*: NAMPAMANGY AZY ÁHO, je l'ai fait visiter; HIFAMANGY IZY IRÉO, ils se visiteront.

Cette règle s'applique même aux adjectifs dont la racine commençant par une consonne, est précédée de MA: MARÁRY (rary), NARÁRY, HARÁRY.

Les divers causatifs MAMPAN, MAMPI ont en général un participe présent passif ainsi que l'impératif correspondant.

Simple	*Causatif*	*Participe*	*Impératif*
Miláza	**Mampiláza**	**Ampilazáina**	Ampilazáo.
Dire	Faire dire	Qu'on fait dire	Faites dire.
Mankaláza	**Mampankaláza**	**Ampankalazáina**	Ampankalazáo.
Louer	Faire louer	Qu'on fait louer	Faites louer.
Mangátaka	**Mampangátaka**	**Ampangatáhina**	Ampangatáho.
Demander	Faire demander	Qu'on fait demander	Faites demander.
Mifamály (**mamaly**)	**Mampifamály**	**Ampifamalína**	Ampifamalío.
Se répondre,	Obliger à se répondre,	Qu'on oblige à se répondre,	Obligez à se répondre

8° **Fan, Fi,** etc. Il suffit de changer en *f* l'*m* des divers préfixes cités plus haut pour former des substantifs qui expriment, soit la manière de faire l'action, soit l'état marqué par la racine diversement modifiée par ces préfixes. De plus pour tous les verbes actifs, cette *f* indique celui ou ce qui subit ordinairement l'action, celui ou ce qu'on a l'habitude ou le devoir de...

FANKALÁZA, celui qu'on loue ordinairement, qu'on doit louer, manière de le louer.

FILÁZA, ce qu'on dit ordinairement, ce qui se dit ou qu'on doit dire, manière de le dire.

FANDÉHA (de mandeha, *v.n.*), manière d'aller, de marcher,

FAMPILÁZA, ce qu'on fait dire ordinairement, manière de le faire dire.

FIHARÁTSY, manière de devenir mauvais peu à peu.

Cependant FAHATSÁRA, de MAHATSÁRA (et autres semblables), a le même sens que FAHATSARÁNA, HATSÁRA, HATSARÁNA, la bonté.

9° **Mpan, Mpi.** En changeant en MP l'*m* des préfixes énumérés plus haut, on forme un grand nombre de substantifs agents, qui signifient celui ou ce qui fait ordinairement l'action indiquée par la racine diversement modifiée par ces préfixes:

MAMÁNGY, visiter; MPAMÁNGY, le visiteur, celui qui a l'habitude de visiter.

MANDÉHA, aller; MPANDÉHA, celui qui va souvent, le voyageur.

Cependant il est à observer que les substantifs agents, lorsqu'ils sont employés pour les causatifs et les réciproques, sont en général inusités et incompris.

CHAPITRE V.— FORME RELATIVE.

La forme relative des verbes est particulière à la langue malgache. On ne trouve rien d'analogue dans les langues européennes. Elle offre par conséquent une difficulté sérieuse aux étrangers. Elle est appelée relative parce qu'elle exprime par elle-même les diverses relations de temps, de lieu, de moyen, d'instrument, de motif.

Le R. P. Ailloud explique parfaitement ce point difficile à la page 200 et suivantes de sa grammaire.

I. Diverses relations.— 1° *Relation de temps.*

Alakamisy no namangiáko ázy, c'est jeudi que je l'ai visité. C'est comme si l'on disait: Tamy ny alakamisy namangy azy áho.

Andro inona no nahitanao azy? quel jour l'avez-vous vu?

2° *Relation de lieu.*

Taiza no nahalalanao ázy? Où l'avez-vous connu? Tany an-dafy no nahitako ázy, c'est au delà des mers que je l'ai vu.

3° *Relation d'instrument.*

Inty ny tsofa hamakiana ny hazo físaka, voici la scie pour fendre la planche.

4° *Relation de matière,*

Ny lambamena no amonosan'ny malagasy ny fáty, c'est dans un Lamba rouge que les Malgaches enveloppent les morts. On peut dire aussi: Ny lambamena no afonon' ny malgasy ny máty.

On voit par cet exemple que le participe augment signifiant ce qui sert à faire une chose, peut se rendre par la forme relative. Cependant la forme relative offrant du vague et de l'ambiguïté, il vaudra mieux souvent se servir du participe augment:

Inona no hanafoanao ny trano? Avec quoi couvrirez-vous la maison?

Ny tanimanga no hatafoko ázy, je la couvrirai avec des tuiles.

Inona no hanafoanáo, présente de l'ambiguïté et peut dire aussi avec quel instrument, pour quel motif la couvrirez-vous?

5° *Relation de moyen.*

Ny fahendrena no androsoan'ny firenéna tokoa, c'est la sagesse qui fait vraiment progresser les nations.

6° *Relation de motif.*

Ny namangíako azy, izy namangy áhy, le motif pour lequel je l'ai visité, c'est qu'il m'a visité lui-même.

Ahoana no amonoanao ny ankizilahinao? pourquoi frappez-vous votre esclave?

Cette relation de motif s'applique à la personne pour laquelle ou à laquelle on fait quelque chose et dans ce cas la forme relative équivaut au participe toujours terminé en *ana:*

Iza no anoloranao ou toloranao ny voninkazo? à qui offrez-vous les fleurs?

Ny olona nifonako taminào, l'homme pour lequel je vous ai demandé pardon.

Ny olona nanalanao ra, l'homme que vous avez saigné.

7° *Relation de partie par rapport au tout.*

Nahalaniana ny vólako, j'ai dépensé une partie de mon argent; Nahaverezana ny ómbiko, j'ai perdu quelques-uns de mes bœufs; Nanalana ny entanáo, on a enlevé quelque chose à votre charge.

Remarques.— *(a)* La forme relative se met au passé ou au futur en la faisant précéder de *n* ou *h*, et peut former ainsi de véritables substantifs. *F* placée devant, indique une action présente:

Ny nahatongavan'ny Mpamonjy nahafaly ny tány, ary ny hahatongavany hampatahotra ny ratsy fanáhy, le premier avènement du Sauveur a réjoui la terre, son futur avènement épouvantera les méchants.

Ny fahatongavanao mahafaly anáy, votre arrivée nous fait plaisir.

(b) Pour certains verbes, la forme relative est employée à la place du participe ordinaire et prend le même sens :

Ny zavatra nianárako, la chose que j'ai étudiée.

Ny olona ankasitráhako, la personne qui me plait.

Ny loza niarétako, le malheur que j'ai enduré.

Ny nandidiany Jeso ny mpiánany, ce que Jésus commanda à ses disciples.

(*c*) La forme relative a ordinairement un impératif correspondant.

Anetézo ny volonao, fa lava loatra, coupez un peu vos cheveux, parce qu'ils sont trop longs.

Anaovy vary ny vahíny, préparez le riz pous notre hôte.

Mba isasaro kely izany raharaha izány, prenez un peu de peine pour cette affaire.

II. Formation du participe relatif. — Le participe relatif se forme en retranchant l'*m* du préfixe et en faisant subir à la fin du mot des modifications analogues à celles du participe présent passif ordinaire. Le tableau suivant indiquera mieux que toutes les règles, comment il se forme ordinairement.

Racine	*Verbe*	*Forme relative*	*Impératif*
Vóha	**Mamóha,** *ouvrir*	**Amohána**	Amoháy
Fóha	**Mamóha,** *réveiller*	**Amohazana**	Amoházo.
Lá	**Mandá,** *nier*	**Andávana**	Andávo.
Dóka	**Mandóka,** *flatter*	**Andokáfana**	Andokáfy.
Sóa	**Manasóa,** *faire du bien*	**Anasoávana**	Anasoávy.
Teté	**Miteté,** *dégoutter*	**Itetévana**	Itetévo.
Àmpy	**Manàmpy,** *aider*	**Anampiana**	Anampio.
Téry	**Manéry,** *presser*	**Aneréna**	Aneréo.
Héty	**Manéty,** *tondre*	**Anetézana**	Anetézo.
Réfy	**Mandréfy,** *mesurer*	**Andrefésana**	Andreféso.
Éndy	**Manéndy,** *rôtir*	**Anendásana**	Anendáso.
Fóy	**Mamóy,** *quitter*	**Amoizana**	Amoízo.
Óty	**Mióty,** *recueillir*	**Iotázana**	Iotázy.
Ántso	**Miántso,** *appeler*	**Iantsóana**	Iantsóy.
Fóno	**Mamóno,** *plier*	**Amonósana**	Amonósy.
Àro	**Miáro,** *protéger*	**Iaróvana**	Iaróvy.
Vovó	**Mivovó,** *àboyer*	**Ivovózana**	Ivovózy
Tó	**Mankató,** *approuver*	**Ankatoávana**	Ankatoávy.
Andrana	**Manándrana,** *goûter*	**Anandrámana**	Anandrámo.
Léna	**Mandéna,** *mouiller*	**Andémana**	Andémo.
Tándrina	**Mitándrina,** *veiller*	**Itandrémana**	Itandrémo.
Fántina	**Mifántina,** *éplucher*	**Ifanténana**	Ifanténo.
Lévona	**Mandévona,** *anéantir*	**Andevónana**	Andevóny.
Vélona	**Mamélona,** *nourrir*	**Amelómana**	Amelómy.
Áraka	**Manaraka,** *suivre*	**Anaráhana**	Anaráho.
Lélaka	**Milélaka,** *lécher*	**Ileláfana**	Ileláfo.
Tétika	**Mitétika,** *découper*	**Itetéhana**	Itetého.
Hóhoka	**Manóhoka,** *chavirer*	**Anohófana**	Anohófy.
Ànatra	**Manánatra,** *avertir*	**Ananárana**	Ananáro.
Sókatra	**Manókatra,** *ouvrir*	**Anokáfana**	Anokáfo.
Fétra	**Mamétra,** *limiter*	**Amérana**	Améro.
Hévitra	**Mihévitra,** *penser*	**Ihevérana**	Ihevéro.
Àvotra	**Manàvotra,** *arracher*	**Anavótana**	Anavóty
Dótra	**Mandótra,** *brûler*	**Andórana**	Andóry.

ABRÉVIATIONS.

adj.	adjectif.
adj. num.	adjectif numéral.
adj. num. ord.	adjectif numéral ordinal.
adv.	adverbe.
art.	article.
comp.	comparaison.
conj.	conjonction.
dém.	démonstratif.
fig.	figuré.
indéf.	indéfini.
int.	interjection.
loc.	locution. (1)
loc. adv.	locution adverbiale.
loc. comp.	locution comparative.
loc. conj.	locution conjonctive.
loc. prép.	locution prépositive.
nég.	négation.
p.	participe.
pl.	pluriel.
pos.	possessif.
prép.	préposition.
pron.	pronom.
pron. pers.	pronom personnel.
rel.	relatif.
s.	substantif.
sf.	substantif féminin.
sm.	substantif masculin.
va.	verbe actif.
v. imp.	verbe impersonnel.
vn.	verbe neutre.
vpr.	verbe pronominal.
voy.	voyez.
—	remplace le mot principal de l'article ou des mots du membre de phrase précédent.

(1) Sous le titre de locution sont rangées les expressions françaises qui ne peuvent pas se traduire par des termes correspondants en malgache.

DICTIONNAIRE

FRANÇAIS-MALGACHE

A

A, *prép*. 1° Indiquant la tendance, le terme : Amy, forme relative. Porter quelque chose — quelqu'un. Manati-javatra *amin*'olona. Parler — son père. Mitony *amy* ny rainy. S'appliquer — l'étude. Milozoka *amy* ny fianarana. C'est—vous que ces paroles s'appliquent. Hianao no *iharan'* ireo teny ireo. 2° —, Indiquant le temps: Amy, raha. Je l'ai vu — la fin du mois dernier. Izaho efa nahita azy *tamy* ny faran' ny volana teo. Arrivez — midi. Tongáva *raha* mitatao vovonana ny andro. 3°—, Indiquant le lieu : Any, amy. Il est — bord. *Any* antsambo izy. Il ira — Tamatave. Ho *any* Toamasina izy. Il a été blessé — l'épaule. Naratra *tamy* ny sorony izy. 4°—, Indiquant la distance, l'intervalle : Hatrany, hatramy. D'ici—Tamatave. Hatreto ka *hatrany* Toamasina. Il travaille du matin au soir. Miasa hatramy ny maraina ka *hatramy* ny hariva izy. 5°—, Indiquant la possession : Any, pronom personnel complément. Tout appartient— Dieu. *An'* Andriamanitra ny zavatra rehetra. Ce livre est—moi. *Ahy* ity boky ity. 6°—, Indiquant l'instrument: Amy. Se battre—l'épée. Miady *amy* ny sabatra. 7°—, Indiquant la succession, l'ordre: Tsy. Peu—peu. *Tsikelikely*. Deux—deux. *Tsiroaroa*. 8°—, Indiquant la conformité : Araka. — votre avis, que faut-il faire ? *Araka* ny hevitrao, inona no tokony hatao ? 9° —, Devant un infinitif: Infinitif futur, participe, raha, tokony. Il se prépare — partir. Mioman-*handeha* izy. Il n'a pas — manger. Tsy mananko hanina izy. Maison — vendre. Trano *amidy*. Difficile — raconter. Sarodazaina, sarotra *holazaina*. — le voir, on dirait qu'il est fou. Toa adala izy *raha* jerena. C'est un avis — suivre. Hevitra *tokony* harahina izany. ‖ *loc*. Il n'est bon — rien. Tsy azo atao na inona na inona izy. Tamatave est — huit jours de marche de Tananarive. Toamasina sy Antananarivo dia lálankavaloan' andro. D'ici— cent ans le pays aura bien changé. Hiova dia hiova ny toetry ny tany raha afaka zato taona. etc., etc.

ABAISSÉ, ÉE, *p*. et *adj*. 1° Voaetry, naetry, voaidina, naidina. 2° *fig*. Voaivaiva, noivaivaina, voazimbazimba, nozimbazimbaina.

ABAISSEMENT, *sm*. 1° Fanetrena, fietrena, fietry, fampidinana, fidinana. 2° *fig*. Fanetren-tena, fanivaivana, fahivána, fanazimbazimbana, fivazinana.

ABAISSER, *va*. 1° Manetry, mampidina. — le terrain. *Manetry* ny tokotany. — les voiles. *Mampidina* ny lain-tsambo. 2° *fig*. Manetry, manivaiva, manazimbazimba. Dieu abaisse l'orgueilleux. Andriamanitra *manetry* ny mpiavonavona.

S'abaisser, *vpr*. 1° Mietry, midina. 2° *fig*. Manetry tena, manambany tena, manivaiva tena, mivazina. S'— devant Dieu. *Manetry tena* eo anatrehan' Andriamanitra. Il s'abaisse à des démarches indignes de lui. *Manambany tena*,

manivaiva tena, mivazina amy ny zavatra tsy mendrika azy izy.

ABANDON, *sm.* 1° Fandaozana, fanariana, famoizana, fahafoizana, fanolorana, fanoloran-tena. Il vit dans un—général. *Nilaozana, narian'* ny olona rehetra izy. Il a fait l'—de sa fortune et même de sa vie. *Namoy, nahafoy* ny hareny mbamy ny ainy aza izy. Le chrétien vit dans un parfait—à la volonté de Dieu. Ny kristiana *manolo-tena* tsara ao ampelatánan' Andriamanitra. 2° *fig.* Fahatsorana, toky. Parler avec—. Miteny amim-*pahatsorana,* amin-*toky.*

A l'abandon, *adv.* Baranahiny, asa azy. Laisser à l'—ses biens et sa famille. Manao *baranahiny,* etc., ny hareny sy ny fianakaviany.

ABANDONNÉ, ÉE, *p.* et *adj.* Nilaozana, nariana, nafoy, foy, natolotra, navela, haolo, tsy azo antenaina. Village—. Tanána *nilaozana, haolo.* Malade—. Marary *tsy azo antenaina.*

ABANDONNEMENT, *sm.* Fandaozana, fanariana, famoizana, fahafoizana, famelana. Il a fait un—général de tous ses biens. *Nafoiny, navelany* avokoa ny fananany rehetra.

ABANDONNER, *va.* Mandao, manary, mamoy, mahafoy, manolotra. mamela. —le pays. *Mandao, mamoy, mahafoy* ny tanin-drazana. Il a abandonné la ville. *Nandao* ny tanána izy. — ses enfants. *Mamoy, manary* ny zanany. —ses biens aux pauvres. *Mamoy, mahafoy, manolotra* ny fananany ho any ny mahantra. — l'étude. *Mamela* ny fianarana Il l'a abandonné à ses penchants. *Nafoiny. navelany* hanaraka ny fitongilanan-dratsiny izy.

S'abandonner, *vpr.* Manolo-tena, manaraka, miondrika, matoky. S'— à la Providence. *Manolo-tena* eo am-pelatánan' Andriamanitra. S'— à ses passions. *Manaraka* ny filan-dratsiny. S'— au désespoir. *Miondrika* amy ny famoizam-po, mamoy fo. Je m'abandonne à vous. *Matoky* anao aho. Voy. SE LIVRER.

ABASOURDIR, *va.* 1° Mankarenina, maharenina. Ce coup de tonnerre m'a abasourdi. *Nankarenina, naharenina* ahy izany kotro-baratra izany. 2° *fig.* Mahaketraka, mahakivy. La perte de son procès l'a abasourdi. Ny fahareseny tamy ny ady *nahaketraka, nahakivy* azy.

ABÂTARDI, IE, *adj.* Niharatsy.

ABÂTARDIR, *va.* Maharatsy, mampiharatsy.

S'abâtardir, *vpr.* 1° Miharatsy. Les plantes d'Europe s'abâtardissent à Madagascar. Ny zava-maniry avy any Eoropa *miharatsy* rahefa tonga aty Madagaskara. 2° *fig.* L'homme s'abâtardit dans l'oisiveté. Ny olona *miharatsy* raha ao anatin' ny fidonanaham-poana.

ABÂTARDISSEMENT, *sm.* Fiharatsiana.

ABAT-JOUR, *sm.* Famorian-kazavana.

ABATTAGE, ABATAGE, *sm.* Fandavoan-kazo, fikapan-kazo, fandavoana omby, famonoam-biby.

ABATTIS, ABATIS, *sm.* Antontan-javatra betsaka nalavo,—voakapa,—novonoina.

ABATTEMENT, *sm.* 1° Harerahana, faharerahana, hahosana, fahosana, havozoana. 2° *fig.* Fahareraham-po, fahaketrahana, fahakiviana.

ABATTOIR, *sm.* Tokotany na trano famonoana omby.

ABATTRE, *va.* 1° Mandavo, manjera, mamotraka, manongana, mandrava, mikapa, mijinja, mamira, mitevy, mandripaka, mamono, mampandry. Le vent a abattu cet arbre. Ny rivotra *nandavo, nanjera, namotraka, nanongana* io hazo io. Abattez cette maison. *Azerao, ravao* ity trano ity. —un arbre. *Mandavo, mikapa, mijinja, mamira* hazo. —une forêt. *Mikapa, mijinja, mitevy, mandripaka* ala. — des animaux. *Mandavo, mandripaka, mamono* biby betsaka. La pluie abat la poussière. Ny orana *mampandry* ny vovoka. 2° *fig.* Mandreraka, mahareraka, mahosa, mahavalaka. La maladie l'a beaucoup abattu. Ny aretina *nandreraka,* etc., azy mafy. 3° —, Maharera-po, mahaketraka, mahakivy. La souffrance l'abat. Ny fahoriana *maharera-po,* etc., azy.

S'abattre, *vpr.* 1° Lavo, potraka. Le cheval s'est abattu. *Lavo,* etc., ny soavaly. 2° —, Mihena. Le vent s'abat. *Mihena* ny rivotra. 3° —, Mirotsaka, miantoraka. Les pigeons s'abattirent sur le riz. Ny voromahailala *nirotsaka* tamy ny vary. Le milan s'abattit sur les poussins. Ny papango *niantoraka* tamy ny akoho kely.

ABATTU, UE, *p.* et *adj.* 1° Lavo, nalavo, voazera, nazera, potraka, napotraka, voaòngana, naongana, rava, voarava, noravana, voakapa, nokapaina, voajinja, nojinjaina, voafira, nofiraina, voatevy, notevezina, ripaka, voaripaka, naripaka, voavono, novonoina, maty, nampanlrina. 2° *fig*. Reraka, osa, mavozo, valaka. 3° —, Rera-po. ketraka, kivy. Qui a le visage—. *Kivikivy* endrika.

ABAT-VENT, *sm.* Fiaro rivotra.

ABAT-VOIX, *sm.* Fanindry feo, tataon' ny fitorian-teny.

ABBAYE, *sf.* Tranon' ny relijiozy.

ABBÉ, *sm.* 1° Lehiben' ny relijiozy lehilahy. 2°—, Pretra, mpianatra ho pretra.

ABBESSE, *sf.* Lehiben'ny relijiozy vehivavy.

ABCÈS, *sm.* Vainomby, kifongo L'—a été percé. Efa nopotsirina ny *vainomby,* etc.

ABDICATION, *sf.* Famoizana, fahafoizana, famelana.

ABDIQUER, *va.* Mamoy, mahafoy, mamela. Il y a des rois qui ont abdiqué la royauté. Nisy mpanjaka maro izay *namoy, nahafoy, namela* ny fahefana nahampanjaka azy. —sa liberté. *Mamoy, mahafoy* ny sitra-pony.

ABDOMEN, *sm.* Kibo.

ABDOMINAL, ALE, *adj.* Ao amy ny kibo. La région abdominale. Ny faritry ny *kibo.*

ABÉCÉDAIRE, *sm.* Abidy, fiandohamianatra.

ABEILLE, *sf.* Renitantely.

ABERRATION, *sf.* 1° Fielezana, fihahafana. — de la lumière. *Fielezana, fihahafan'* ny tsirim-pahazavana. 2° *fig.* Hadisoan-tsaina, fitotototoan-tsaina. Qu lle n'est pas son— ! *Hadisoan-tsaina,* etc., manao ahoana ny azy !

ABÊTIR, *va.* Mahadala, mahadomelina.

S'abêtir, *vpr.* Mihadala, mihadomelina.

ABHORRER, *va.* Mankahala, manao halavolo, tsy tia mainty. — quelqu'un. *Mankahala,* etc., olona.

ABÎME, *sm.* 1° Tevana, hantsana. Il est tombé dans un—. Nianjera tany *an-tevana,* tao amy ny *hantsana* izy. 2° *fig.* Tevana, loza, antambo. Danser sur le bord d'un—. Mandihy amoron-*tevana,* ambony *loza,* mitsinjaka ambonin' ny *antambo.* Comme Gouffre. 3°—, Tsy takatry ny saina. Les mystères sont des abîmes. *Tsy takatry ny saina* ny mistery. ‖ *loc.* C'est un—de science. Tsy misy zava-tsy hainy, mahagaga ny fahaizany, tapi-java-tsy hay izy.

ABÎMER, *va.* Manimba, mandrovitra. La grêle abîme les plantations. Ny havandra *manimba* ny voly. L'enfant folâtre abîme vite ses habits Ny ankizy mpitrifantrifana *mandrovitra* haingana ny akanjony.

S'abîmer, *vpr.* 1° Milentika. Le navire s'est abîmé dans les flots. *Nilentika* tany anaty ranomasina ny sambo. 2°—, Simba, simbana, mihiasimba, rovitra, rovitina. Les objets s'abîment peu à peu. *Simba,* etc., tsikelikely ny zavatra.

ABJECT, ECTE, *adj.* Vetaveta, C'est un personnage —. Olona *vetaveta* izy. Il a un langage—. *Vetaveta* fiteny izy.

ABJECTION, *sf.* Fahavetavetana, havetavetana.

ABJURATION, *sf.* Fandávana ny fivavahana diso ampahibemaso. Prononcer son —. *Mandá* ny fivavahana diso ampahibemaso.

ABJURER, *va.* Mandá ny fivavahana diso ampahibemaso, mandá, manary, mamoy. — le culte des idoles. *Mandá, manary, mamoy* ny fanompoantsampy.

ABLUTION, *sf.* Fanozan-tanana amy ny lamesa, fandiovana. Se purifier par des ablutions. *Mandio* tena, midio, misasa, mandro.

ABNÉGATION, *sf.* Fahafoizan-tena, fandávan-tena. Faire— de sa volonté. *Mahafoy* ny sitra-pony, *mandá* ny tenany.

ABOI, ABOIEMENT, *sm.* 1° Vovó. 2° *fig* Il est aux abois. Ambavahoana, sanganehana, very saina izy.

ABOLI, IE, *p.* et *adj.* Nesorina, nofoanana. Usage—. Fanao *nesorina,* etc.

ABOLIR, *va.* Manesotra, manafoana.— une loi. *Manesotra,* etc., lalána anankiray.

S'abolir, *vpr.* Esorina, foanana.

ABOLISSEMENT, *sm.* **ABOLITION,** *sf.* Fanesorana, fanafoanana.

ABOMINABLE, *adj.* Vetaveta, ratsy dia ratsy, safatsiroa aman-tany, tsy afa-

dambo amin'amboa. Crime—. Heloka *safatsiroa aman-tany, tsy afa-dambo amin' amboa.*

ABOMINABLEMENT, *adv.* Vetaveta, ratsy dia ratsy. Il se conduit—. *Vetaveta* fitondran-tena izy. Il écrit—. *Ratsy* fanoratra *dia ratsy* fanoratra izy.

ABOMINATION, *sf.* 1° Fahavetavetana, zavatra vetaveta. 2° —, Fankahalana. Avoir en—le vol. *Mankahala* ny halatra.

ABONDAMMENT, *adv.* 1° Be dia be. Cette source fournit de l'eau—. Misy rano *be dia be* amin' izany fantsakana izany. 2°—, Tsara dia tsara. Mes vœux sont — satisfaits. Tanteraka *tsara dia tsara* ny faniriako.

ABONDANCE, *sf.* Habetsahana, hamaroana. L'—, des paroles embrouille parfois les affaires. Indraindray ny *habetsahana,* ny *hamaroan'*ny teny mampisavoritaka ny raharaha. ‖ *loc.* Année d'—. Taon-jina.

ABONDANT, ANTE, *adj.* Be dia be, diso vala, sesehena. La récolte est abondante. *Be dia be,* etc., ny vokatra. Pays — en riz. Tany *be* vary.

ABONDER, *vn.* 1° Be dia be, diso vala, sesehena, betsaka. Les bœufs abondent à Madagascar. *Be dia be,* etc., ny omby aty Madagaskara. 2° *fig.* Manaraka, momba. Il abonde dans mon sens. *Manaraka,* etc., ny hevitro izy.

ABONNÉ, ÉE, *adj.* et *s.* Mpamandrika gazety, — taratasy, etc.

ABONNEMENT, *sm.* 1° Famandrihan-gazety, —taratasy, etc. 2°—, Vidin-gazety misy fetr' andro, vidin-taratasy—, etc. Payer l'— du journal. Mandoa ny *vidin-gazety misy fetr'andro.*

ABONNER, *va.* Mamandrika ho an' olona.

S'abonner, *vpr.* Mamandrika ho an-tena. S'—à un journal. *Mamandrika* gazety.

ABORD, *sm.* 1° Fitodiana, fiantsonana, fanatonana, fanakekezana. La côte est de difficile —. Sarotra *itodiana, iantsonana, hatonina, akekezina* ny moron-tsiraka. Il est d'un facile —. Mora *hatonina, akekezina, akekena* izy. 2°—, Ny manodidina. Les abords de Tananarive sont très escarpés. Ny *manodidina* an' Antananarivo dia mideza be hiany.

D'abord, de prime abord, *adv.* Aloha, am-boalohany. Mangez d'— et ensuite vous causerez. Homána *alòha* vao miresaka. De prime — cette question parait facile Toa mora *am-boalohany* izany zavatra izany.

ABORDABLE, *adj.* Azo itodiana, — iantsonana, — hatonina, — akekezina.

ABORDAGE, *sm.* 1° Fidirana an-kery ao anaty sambo. 2° —, Figonana, fidonana, fifandonana.

ABORDER, *vn.* Mitody, miantsona. Le navire aborda le matin à Tamatave. *Nitody* maraina tao Toamasina ny sambo. — au rivage. *Miantsona* am-body tanety.

—, *va.* 1° Mitody, miantsona, manatona, manakaiky. — quelqu'un. *Manatona, manakaiky* olona. 2° —, Miditra ankery ao anaty sambo. — un navire ennemi. *Miditra an-kery* ao anaty sambon' ny fahavalo. 3° —, Migona, midona, mipoka. 4°—, Mikasika. Il parle longuement avant d'— la question. Be sasinteny loatra izy vao *mikasika* ny tena raharaha.

S'aborder, *vpr.* 1° Mifanatona, mifanakaiky 2° —, Mifampigona, mifandona, mifampipoka. Les deux navires se sont abordés. *Nifampigona, nifandona, nifampipoka* ny sambo roa.

ABORIGÈNE, *adj.* Tao amy ny tany anankiray izay ela izay. Le citronnier est une plante —. Zavatra naniry *tamin' ity tany ity izay ela izay* ny voasary.

—*sm. pl.* Zana-tany.

ABORTIF, IVE, *adj.* Lamóka, tsy tonga volana. Fruits abortifs. *Lamókam*-boankazo. Enfant —. Zaza *tsy tonga volana.*

ABOUCHER, *va.* Mampihaona, mampifanatona mba hiresaka.

S'aboucher, *vpr.* Mihaona, mifanatona mba hiresaka.

ABOUTER, *va.* Mampitohy. Le charpentier a bien abouté ces pièces de bois. Ny mpandrafitra *nampitohy* tsara ireo hazo ireo.

ABOUTIR, *vn.* 1° Mipaka, mihatra. Toutes les rivières aboutissent à la mer. Ny renirano rehetra *mipaka,* etc., avokoa amy ny ranomasina. 2° *fig.* Iafarana, mipaka, mihatra. On ne voit pas où cette affaire aboutira. Tsy hita izay *hiafarana, hipahana, hiharan'* izany raharaha izany. 3° —, Foy, potsitra. **Faire**

—un abcès. Manao izay *hahafoy, hahapotsitra* ny vay.

ABOUTISSANT, ANTE, *adj*. 1° Mipaka, mihatra. || *loc*. Les tenants et aboutissants d'une terre. Ny manodidina ny tany anankiray. 2° *fig*. Connaitre les tenants et aboutissants d'une affaire. Mahalala ny andininidiniky ny raharaha anankiray.

ABOYER, *vn*. 1° Mivovó. Les chiens aboient contre les passants. Ny alika *mivovó* ny mpandalo 2° *fig*. Mikafara, mimenomenona, mikoinkoina.

ABOYEUR, *sm*. 1° Mpivovó. 2° *fig*. Mpikafara, mpimenomenona, mpikoinkoina.

ABRÉGÉ, ÉE, *p. et adj*. Voafohy, nohafohezina, fohy.

—, *sm*. Ventin-teny, fotopototra. Voici l'— de son discours. Izao no *ventimbentiny*, no *fotopototry* ny laha-teny nataony.

En abrégé, *loc. adv*. Amy ny teny fohifohy. Raconter une histoire en— Milaza tantara *amy ny teny fohifohy*.

ABRÉGER, *va*. Manafohy, mahafohy. Le chemin qui suit les collines abrège le voyage. Ny fandehanana an-tanety *mahafohy* ny lâlana. — une histoire. *Manafohy* tantara. L'inconduite abrège la vie Ny fitondran-tena ratsy *mahafohy* ny andro iainana.

S'abréger, *vpr*. Mihafohy.

ABREUVÉ, ÉE, *p*. et *adj*. 1° Nampisotroina, nampigohina. 2° *fig*. Vonto, boboka. Terre abreuvée d'eau. Tany *vonto* rano, *bobo*-drano. — de douleur. *Vontom*-pahoriana.

ABREUVER, *va*. 1° Mampisotro, mampigoka. Allez — mon cheval. Mandehana *mampisotro*, etc., rano ny soavaliko. 2° *fig*. Mamonto. Les pluies ont bien abreuvé la terre Ny ranonorana *namonto* tsara ny tany. Les enfants ingrats abreuvent leurs parents d'amertume. Ny zanaka tsy mahavaly fitia *mamonto* alahelo ny ray aman-dreniny.

S'abreuver, *vpr*. 1° Misotro, migoka, miboboka. Il s'est abreuvé de vin. *Niboboka* divay izy. 2° *fig*. Vonto.

ABREUVOIR, *sm*. Dobo fampisotroan-drano ny biby.

ABRÉVIATEUR, *sm*. Mpanafohy teny voasoratra amy ny boky.

ABRÉVIATIF, IVE, *adj*. Manafohy teny. Signes abréviatifs. Famantarana *manafohy teny*.

ABRÉVIATION, *sf*. Fanafohezan-teny.

ABRI, *sm*. Fialofana, fiarovana. La pluie le força à chercher un—. Ny ranonorana nanery azy hitady *fialofana*. L'enfant trouve un— auprès de sa mère. Ny zaza kely mahita *fialofana*, etc., ao akaikin'ny reniny.

A l'abri, *loc. adv*. Mialoka, alofana, arovana. Il est à l'—sous un arbre. *Mialoka* amy ny hazo izy. A Mojanga les navires sont à l'— des tempêtes. Any Mojangá ny sambo dia *voaro* amy ny tafio-drivotra.

ABRICOT, *sm*. Karazam-boankazo.

ABRICOTIER, *sm*. Fototry ny *abricot*.

ABRITER, *va*. Manaloka, mamefy, miaro. —contre le soleil les semis de tabac. *Manaloka* ny zana-paraky amy ny hainandro. — la vigne contre le vent. *Mamefy, miaro* ny voaloboka amy ny rivotra. Les remparts abritaient les assiégés. Ny mánda *namefy, niaro* ny natao fahirano.

S'abriter, *vpr*. Mialoka, mifefy. Les poussins s'abritent sous les ailes de leur mère. Ny zanak' akoho *mialoka*, etc., ao ambanin' ny elatry ny reniny.

ABROGATION, *sf*. Fanesorana, fanafoanana.

ABROGER, *va*. Manesotra, manafoana. — une loi. *Manesotra*, etc., lalána anankiray.

ABRUPT, UPTE, *adj*. Mideza, mitsangana. Montagne abrupte. Tendrombohitra *mideza*, etc.

ABRUPTO (EX), *adv*. Tampoka.

ABRUTI, TIE, *adj*. Adala, miadaladala foana, donto, tena biby. Il est—par la misère. *Miadaladala foana* noho ny fahantrany izy.

ABRUTIR, *va*. Mahadala, mahadonto, manadonto, mahabiby.

S'abrutir, *vpr*. Mihadala, mihadonto, mihabiby.

ABRUTISSANT, ANTE, *adj*. Mahadala, mahadonto, mahabiby. Le rhum est une boisson abrutissante. Ny toaka dia fisotro *mahadala*, etc.

ABRUTISSEMENT, *sm.* Hadalana, fahadalana, hadontoana, fahadontoana.

ABSENCE, *sf.* 1° Tsy ao, tsy fanatrehana. Il fait de fréquentes absences. *Tsy ao* matetika izy. L'— d'une mère est un malheur pour ses enfants. Ny *tsy fanatrehan'* ny reny dia tahoriana ho any ny zanany. ‖ *fig.* Fihahakahafan-kevitra. Il a quelquefois des absences. *Mihahakàha-kevitra* izy indraindray.

ABSENT, ENTE, *adj. et s.* Tsy eo, tsy manatrika. Il a été— durant une semaine. *Tsy tao* izy nandritra ny herinandro. Juger un—. Mitsara ny *tsy eo*, ny *tsy manatrika*.

ABSENTER (S'), *vpr.* Tsy ao. Pourquoi vous êtes-vous absenté de la maison? Nahoana no *tsy tao* an-tranonao hianao?

ABSINTHE, *sf.* 1° Laposety. 2° *fig.* Ngidim-pahoriana. La vie est mêlée d'—. Ny andro iainana miharo *ngidim-pahoriana*.

ABSOLU, UE, *adj.* 1° Mandidy tokana, tsy zehena, tsy refesi-mandidy. Souverain—, qui a une autorité absolue. Mpanjaka *mandidy tokana*, etc. 2°—, Manao teniko fe-lehibe, — teny tsy valiana, — jadon-tokana. Parler d'un ton —, être —. *Manao teniko fe-lehibe*, etc. 3° —, Tanteraka, lehibe indrindra, lavorary, indrindra. Bonheur —. Hasambarana *tanteraka, lehibe indrindra, lavorary*. C'est une nécessité absolue. Tsy maintsy atao *indrindra* izany.

ABSOLUMENT, *adv.* 1° Tokoa, mihitsy, hiany, indrindra. Je n'en ferai — rien. Tsy hataoko *tokoa, mihitsy* izany. Il est— seul chez lui. Izy irery *hiany* no ao aminy. Il faut— que vous partiez. Tsy maintsy mandeha *indrindra* hianao.

ABSOLUTION, *sf.* Famelan-keloka, fanafahana, famotsorana, fanalana ny ota.

ABSOLUTISME, *sm.* Fombam-panjakana misy mpandidy tokana.

ABSORBANT, ANTE, *adj.* 1° Mifoka, mandritra. 2° *fig.* Maharenoka, mahasondriana, mahavariana.

ABSORBÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Voafoka, nofohina, fohina, ritra, noritina, ritina. 2° *fig.* Levona, nolevonina, lany, nolanina. 3° —, Renoka, sondriana, variana.

ABSORBER, *va.* 1° Mifoka, mandritra. La terre absorbe l'eau du canal. Ny tany *mifoka*, etc., ny rano amy ny lakandrano. 2° *fig.* Mandevona, mandany, mandritra. Les procès ont absorbé sa fortune. Ny ady matetika no *nandevona*, etc., ny hareny. 3°—, Maharenoka, mahasondriana, mahavariana. Ce récit l'absorbe. *Maharenoka*, etc., azy izany tantara izany. L'orateur absorbe toute son attention. *Mahavariana* azy ny mpandaha-teny.

S'absorber, *vpr.* 1° Fohina, ritra. La pluie s'absorbe dans le sable. *Fohin'* ny fasika, *ritra* ao anatin' ny fasika ny ranonorana. 2° *fig.* Levona, levonina.

ABSORPTION, *sf.* 1° Fifohana, fandritana. 2° *fig.* Fandevonana, fandaniana.

ABSOUDRE, *va.* Mamela heloka, manafaka, mandefa, mamotsotra, manala ny ota, manafaka ny fahotana. — un accusé. *Mamela heloka, manafaka, mandefa* ny voampanga. Le prêtre l'a absous. Ny pretra *namotsotra* azy, *namela ny helony, nanala ny otany, nanafaka ny fahotany*.

ABSOUS, OUTE, *p.* Voavela heloka, navela—, nalefa, voavotsotra, novotsorana, afaka ota, nalefa. Les juges le renvoyèrent —. *Navela, nalefan'* ny mpitsara izy.

ABSOUTE, *sf.* Fombam-pivavahana ho any ny maty.

ABSTENIR (S'), *vpr.* Mifady, tsy.., aza, fady S'—de manger. *Mifady* hanina, *tsy mihinana*. S'—de viande. *Mifady* hena. Abstenez-vous du mal. *Mifadia* ny ratsy hianao, *aza* manao ny ratsy. Il s'abstient de paraître en public. *Fady* azy ny miseho ampahibemaso. Il s'abstient de jurer. *Fady* azy ny mianiana.

ABSTENTION, *sf.* Tsy fanaovana izay tokony hatao, tsy fisehoana.

ABSTERGENT, ENTE. *adj.* Mahadio. Remède —. Fanafody *mahadio* ny fery.

ABSTERGER, *va*, Manadio, manasa. — une plaie. *Manadio*, etc., fery.

ABSTINENCE, *sf.* Fifadiana, fifadiankena, tsy fanaranam-pó, tsy fihinanana. Il fait—tous les vendredis. *Mifady hena* isan-jomá izy. L'—des plaisirs conserve la santé. Ny *tsy fanaranam-pó* mahasalama ny tena. Le malade a été affaibli par une longue—. Ny marary dia reraky ny *tsy nihinanany* ela. ‖ *loc.* Abstinences superstitieuses. Fady.

ABSTRACTION, *sf.* 1° Fanavahana antsaina, tsy faudinihana. —faite du style, ce livre est bon. Raha *tsy dinihina* ny

laha-teny, tsara hiany izany boky izany. 2°—,Hevi-potsy, hevi-dravina. Il ne rève qu'à de pures abstractions. Tsy mihevitra afa-tsy *hevi-potsy*, etc., izy. 3°—, Fahavarianana. Le voilà de nouveau dans ses abstractions. *Variana* indray izy.

ABSTRAIRE, *va*. Manavaka an-tsaina, tsy mandinika.

ABSTRAIT, AITE, *adj*. 1° Voavaka an-tsaina, foronin'ny saina. Etre—. Zavatra *foronin' ny saina*. 2°—, Saropantarina. Ce discours est—. *Saro-pantarina* izany laha-teny izany. 3°—, Variana.

ABSTRUS, USE, *adj*. Saro-pantarina. Question abstruse. Zavatra *saro-pantarina*.

ABSURDE, *adj*. 1° Tsy misy heviny, tsy misy fotony. Cela est—. *Tsy misy heviny,* etc., izany. 2°—, Fotsy hevitra. Il est—dans tout ce qu'il dit. *Fotsy hevitra* amin'izay zavatra rehetra lazainy izy. —*sm*. Hevi-potsy, hevi-dravina, hevitra ambony. Il tombe dans l'—. Milaza *hevi-potsy,* etc., izy.

ABSURDEMENT, *adv*. Tsy misy heviny, tsy misy fotony.

ABSURDITÉ, *sf*. Hevi-potsy, hevi-dravina, hevitra ambony.

ABUS, *sm*. 1° Fanaovana an-kery, fanaranam-pó loatra, fandaniana foana, fanambakana, fanariana, etc., 2°—, Fanao tsy mety. Il a supprimé les—. Nesoriny ny *fanao tsy mety*. 3°—, Hadisoan-kevitra. C'est un—de croire que cela réussira. *Diso hevitra* izay mino fa ho tanteraka izany.

ABUSER, *vn*. Manao an-kery, manaram-pó loatra, mandany foana, manambáka, manary, etc. Il abuse de son pouvoir. *Manao an-kery* noho ny fahefany izy. Vous abusez de ma bonté. *Manaram-pó loatra* noho ny halemem-panahiko hianao. Il abuse de ses richesses. *Mandany foana* ny hareny izy. Il a abusé de la confiance de son maître. *Nanambáka* ny tompony izay natoky azy izy. N'abusez pas des dons de Dieu. Aza *manary* foana ny fanomezan' Andriamanitra. Il abuse de ses forces. *Mandany foana* ny heriny, mamono tena izy.
—*va*. Manambáka, mamitaka, manoloky. N'abusez pas les esprits faibles. Aza *manambáka* ny adala. Il vous promet cela, mais il vous abuse. Mampanantena anao izany izy, kanjo *manambáka,* etc., anao foana.

S'abuser, *vpr*. Diso hevitra.

ABUSIF, IVE, *adj*. Tsy an-drariny, tsy fanao, tsy mety, tsy mahitsy.

ABUSIVEMENT, *adv*. Tsy an-drariny, an-kery, tsy mahitsy. Ce mot est employé—. Misy *tsy mahitsy* ny hevitr' izany teny izany.

ACADÉMICIEN, *sm*. Anisan'ny Akademia.

ACADÉMIE, *sf*. Fikambanan' ny olomahay miara-mihevitra izay hampandrosoana ny fahaizana samihafa, Akademia.

ACADÉMIQUE, *adj*. Araka ny Akademia.

ACADÉMIQUEMENT, *adv*. Araka ny Akademia.

ACACIA, *sm*. Karazan-kazo, akasia.

ACAJOU, *sm*. Rotra vazaha.

ACANTHE, *sf*. Karazan-java-maniry.

ACARIÂTRE, *adj*. Foizina, kitokitoina. Femme—. Vehivavy *foizina,* etc.

ACCABLANT, ANTE, *adj*. 1° Mahareraka, mahavalaka, mahavizana, mahatrotraka, mahatorovana. Poids —. Entana *mahareraka,* etc. 2°—, Manahirana, maharera-po. Visites accablantes. Famangiana *manahirana*. Nouvelle accablante. Zava-baovao *maharera-po*.

ACCABLÉ, ÉE, *p*. et *adj*. 1° Tototra, voatototra, nototofana. Il fut—par la chute de la muraille. *Tototra* nianjeran'ny ampiantany izy. 2° —, Reraka, valaka, vizana, trotraka, torovana. 3° *fig*. Sahirana, nosahiranina, tototra, revo, rerapo, resy, noresena. —d'affaires. *Sahirana, tototry* ny raharaha. — de travail. *Revon'* ny asa. —de dettes. *Tototry* ny trosan'olona. — d'honneurs. *Tototra* voninahitra. —par la douleur. *Rera-pó* noho ny alahelo. Ils furent accablés par le nombre. *Resy, noresen'* ny habetsahan'ny fahavalo izy ireo.

ACCABLEMENT, *sm*. 1° Fahareraliana, fahavalahana, fahavizanana, fahatrotrahana. Le malade est dans un grand —. *Reraka* mafy ny marary. 2° *fig*. Faharerahampo. Il est dans le dernier—. *Rera-pó* indrindra izy.

ACCABLER, *va*. 1° Manototra. La maison en tombant accabla tous ceux qui s'y trouvaient. Ny trano nianjera

nanototra izay rehetra tao. 2° —, Mahareraka, mahavalaka, mahavizana, mahatrotraka, mahatorovana. Le fardeau l'accable. Ny entana *mahareraka*, etc., azy. 3° *fig.* Manahirana, manototra, maharerapo, mandresy. Il m'a accablé de questions. *Nototofany* fanontaniana betsaka aho.

ACCAPAREMENT, *sm.* Famandriham-barotra, fangoronana—, fijirihana—.

ACCAPARER, *va.* 1° Mamandri-barotra, mangorona—, mijirika—. — le riz. *Mamandri-bary,* etc. — les étoffes. *Mangorona* ny lamba. 2° *fig.* Mitady ho azy irery. Il cherche à — les faveurs du peuple. *Manao* izay hahamamy hoditra *azy irery* amy ny vahoaka izy.

ACCAPAREUR, EUSE, *s.* Mpamandri-barotra, mpangorona—, mpijirika—.

ACCÉDER, *vn.* Maneky. J'accède à sa demande. *Ekeko* izay angatahiny.

ACCÉLÉRATEUR, TRICE, *adj.* Mahafaingana. Force accélératrice. Hery *mahafaingana.*

ACCÉLÉRATION, *sf.* Fanafainganana, hafainganana. Veillez à l'— de cette affaire. Ataovy izay *hahafaingana* izany raharaha izany.

ACCÉLÉRÉ, ÉE, *p.* et *adj.* Faingana, nohafainganina, mihafaingana, maika. Allez au pas —. Manaova dia *faingana, maika.*

ACCÉLÉRER, *va.* Manafaingana. La pesanteur d'un corps qui tombe en accélère le mouvement. Ny havesaran' ny zavatra mianjera *manafaingana* ny fandehany.

ACCENT, *sm.* 1° Tendrin-tsoratra. N'oubliez pas l'—sur les *E.* Aza manadino ny *tendrin-tsoratra* eo ambonin' ny *E.* 2°—, Fisondrotan' ny feo. Les mots malgaches ont un—très marqué. Ny teny malagasy dia misy *fisondrotan' ny feo* mafy. 3°—, Fanononana. Il ne peut se défaire de l'—de son pays. Tsy mety afaka aminy ny *fanononana* fanao amy ny fari-taniny. 4° *fig.* Teny mampientana ny fo. L'orateur a fait entendre des accents pathétiques. Ny mpandaha-teny nampandre *teny mampientana ny fo.*

ACCENTUATION, *sf.* 1° Fanisiana tendrin-tsoratra. 2°—, Fisondrotan' ny feo. 3° —, Fanononana.

ACCENTUER, *va.* 1° Manisy tendrintsoratra. 2° —, Mampisondrotra ny feo. 3°—, Manonona. Accentuez bien toutes les syllabes. *Tonony* tsara ny vakiteny rehetra.

ACCEPTABLE, *adj.* Azo ekena. Vos conditions sont très acceptables. *Azo ekena* ny teny amy ny fanekena natao-nao.

ACCEPTATION, *sf.* Fandraisana, fanekena. L'— de l'héritage fut signée de sa main. Ny *fandraisana* ny lova dia vousonian' ny tánany.

ACCEPTER, *va.* Mandray, manaiky. Il ne voulait— aucun présent. Tsy nety *nandray* fanatitra na inona na inona izy. —le combat. *Manaiky* hiady.

ACCEPTION, *sf.* 1° Hevitra. Le mot *maniry* a une double—. Misy *hevi*-droa ny teny hoe *maniry.* 2°—, Fiangarana, fizahan-tavan' olona. Dieu ne fait— de personne. Tsy *miangatra,* tsy *mizaha tavan' olona* Andriamanitra.

ACCÈS *sm.* 1° Fitodiana, fiantsonana, fanatonana, fanakekezana, fidirana. La côte est de difficile—. Sarotra *itodiana, iantsonana, hatonina, akekezina* ny moron-tsiraka. Il a— à la cour. Mahazo *miditra* any anaty rova izy. 2°—, Fihetsehana. Il a un—de fièvre. *Mihetsika* ny tazony. Dans un— de colère il a tué son esclave. Tamy ny *fihetsehan'* ny hatezerany nahafaty ny ankiziny anankiray izy.

ACCESSIBLE, *adj.* 1° Azo itodiana,— iantsonana,— hatonina,—akekezina. Les grands ne sont pas facilement accessibles. Ny lehibe tsy mba mora *hatonina.* 2° *fig.* Azo arahina,—taritina,—taomina. La vertu est— à tous. Ny hatsaram-panahy *azo arahin'* ny olombelona rehetra. Il est — à la raison. *Azo taritina, taomina* amy ny marina izy.

ACCESSION, *sf.* Fanekena.

ACCESSOIRE, *adj.* et *sm.* Zavatra momba, —miaraka, fanampiny.

ACCESSOIREMENT, *adv.* Ho fanampiny.

ACCIDENT, *sm.* 1° Zavatra sendrasendra, loza. Il lui est arrivé un—. Sendra tra-*doza* izy. 2° —, Fikitoantoana.

Par accident, *loc. adv.* Sendrasendra.

C'est par— que cela est arrivé. *Sendrasendra* no nahatongavan' izany.

ACCIDENTÉ, ÉE, *adj.* Mikitoantoana, miavomiva. Terrain—. Tany *mikitoantoana,* etc.

ACCIDENTEL, ELLE, *adj.* 1° Tsy nahy, tsy nampoizina, tsy satry, sendrasendra. Maladie accidentelle. Aretina *tsy nahy,* etc. 2° —, Tsy mampaninona, hiany. La blancheur est accidentelle à la cire. Na fotsy na tsia ny savoka dia *tsy mampaninona,* savoka *hiany.*

ACCIDENTELLEMENT, *adv.* Sendrasendra.

ACCLAMATION, *sf.* Hoby, fihobiana, fihorehana.

Par acclamation, *loc. adv.* Indray miredona. Il fut élu par—. *Indray miredona* no nifidianan' ny vahoaka azy.

ACCLAMER, *va.* Mihoby, mihorika. La foule l'acclama. Ny vahoaka *nihoby, nihorika* azy.

ACCLIMATATION, *sf.* Fankazarana amy ny tany hafa, fahazarana—, fampanirlana—, faniriana—.

ACCLIMATÉ, ÉE, *p.* et *adj.* Za-tany, zatra amy ny tany hafa, maniry—. Les Européens sont vite acclimatés à Tananarive. Ny Vazaha dia *za-tany* haingana aty Antananarivo.

ACCLIMATER, *va.* Manazatra amy ny tany hafa, mampahazatra —, mampaniry—. Il est difficile d'— le pommier dans les pays chauds. Sarotra ny *mampaniry* ny poma amy ny tany mafana.

S'acclimater, *vpr.* Mihazatra amy ny tany hafa, maniry—.

ACCOINTANCE, *sf.* Fisakaizana, fifankazarana. Je ne veux point avoir d'— avec lui. Tsy te-*hisakaiza, hifankazatra* aminy aho.

ACCOINTER (S'), *vpr.* Misakaiza, mifankazatra.

ACCOLADE, *sf.* 1° Fanorohana, fifanorohana, famihinana, fifamihinana. Donner l'—à quelqu'un. *Manoroka, mamihina* olona. 2°—, Fonon-tsoratra manakambana teny maro. Tirer une —. Manisy *fonon-tsoratra* manakambana teny maro.

ACCOLEMENT, *sm.* Fanakambanana.

ACCOLER, *va.* 1° Manakambana amy ny fonon-tsoratra. —divers mots. *Manakambana* teny maro *amy ny fonontsoratra.* 2° —, Manampify, manatampify. —une vigne à un treillage. *Manampify,* etc., voaloboka amy ny talantalana. 3° —, Mampifanatrika, mampihaona. —deux personnes. *Mampifanatrika,* etc., olona roa.

S'accoler, *vpr.* 1° Mikambana, mitampify, mipetaka. 2° —, Mifanoroka, mifamihina.

ACCOMMODABLE, *adj.* Azo amboarina. C'est une affaire—. Raharaha *azo amboarina* izany.

ACCOMMODAGE, *sm.* Fahandroana, famboarana ny hanina.

ACCOMMODANT, ANTE, *adj.* Malemy fanahy, mora ifanarahana.

ACCOMMODÉ, ÉE, *p.* et *adj.* Voahandro, nohandroina, voavoatra, voamboatra, namboarina, voalamina, nalamina, nampifanarahina.

ACCOMMODEMENT, *sm.* Fampifanarahana, fifanarahana.

ACCOMMODER, *va.* 1° Mahandro, manamboatra, mandamina, mampifanaraka. Il accommode bien le poisson. Mahay *mahandro* hazandrano izy. Il a bien accommodé ce mets. Izy *nanamboatra* tsara io nahandro io. Il a bien accommodé sa maison. *Nanamboatra, nandamina* tsara ny tranony izy. Il a accommodé le procès. Izy *nanamboatra* ny ady. Il accommoda son discours aux idées du peuple. Izy *nampifanaraka* ny laha-teniny amin' izay ankasitrahan' ny olona. 2° —, Tsara raha. Cet emplacement m'accommoderait. *Tsara raha* ahy io tokotany io.

S'accommoder, *vpr.* 1° Mifanaraka, manaraka. Ils se sont accommodés. *Nifanaraka* izy ireo. Il faut s'— à l'usage. Tokony *hanaraka* ny fanao. 2° —, Misoketraka, misokatrika, misonanina. Il sait s'— sur sa chaise. Mahay *misoketraka,* etc., eo ambony sezany izy. ‖ *loc.* S'— de tout. Tsy sarotsarotiny, mora ifanarahana.

ACCOMPAGNATEUR, TRICE, *s.* Mpampiaraka zava-maneno amy ny hira.

ACCOMPAGNÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Narahina, arahina, misy mpanaraka, nombana, ombana, niarahana, iarahana, voaotrona, notronina, otronina, voatitra. naterina. Il est toujours — d'une foule d'esclaves. *Arahina, otronin'* andevo betsaka mandrakariva izy. Il n'est pas — dans ses promenades.

Tsy *misy mpanaraka* izy raha mitsangantsangana. 2° —, Nampombaina, ampombaina, ombana, nampiarahana, ampiarahana, miaraka, mifanaraka. Voici un présent—d'une lettre. Inty fanatitra *omban*-taratasy. Ses paroles sont toujours accompagnées de gestes. Ny teniny *miaraka* mandrakariva amy ny fihetsiky ny tánany.

ACCOMPAGNEMENT, *sm.* 1° Fanarahana, fombana, fiarahana, fanotronana. 2° —, Zavatra momba,—miaraka, fanampiny. L'— soutient la voix. Manampy ny feo ny *zava-maneno miaraka* aminy. Son tableau a besoin de quelques accompagnements. Mila *fanampiny* kely ny sary nataony.

ACCOMPAGNER, *va.* 1° Manaraka, momba, miaraka, manotrona, manatitra. Ce serviteur accompagne toujours son maître. *Manaraka, momba* ny tompony, *miaraka* amy ny tompony mandrakariva io ankizilahy io. Des officiers accompagnaient le Premier Ministre. Nisy manamboninahitra *nanotrona* ny Prime Ministra. Il accompagna le voyageur jusqu'aux portes de la ville. *Nanatitra* ny mpandeha hatreo am-bavahadin'ny tanána izy. 2°—, Mampomba, mampiaraka, mampiaraka zava-maneno amy ny hira, mifanaraka. Il accompagna son présent d'une lettre. *Nampombainy, nampiarahany* taratasy ny fanatitra nateriny. Quand il chante, il aime à se faire— du violon. Raha mihira izy dia tiany *ampiarahana lokangam-bazaha.* La tapisserie accompagne bien les meubles. Ny temitra taratasy *mifanaraka* tsara amy ny fanaka.

S'accompagner, *vpr.* Mitendry zavamaneno sady manara-bava.

ACCOMPLI, IE, *p.* et *adj.* 1° Tanteraka, notanterahina, vita, novitaina, tontosa, notontosaina, efa. Mon vœu est —. *Tanteraka, vita, tontosa, efa* ny voadiko. 2° —, Lavorary, tanteraka. Voilà un jeune homme —. Indro ny tovolahy anankiray *lavorary*, etc. 3° —, Ngarangidina, tapitra. J'ai vingt ans accomplis. Roapolo taona *ngarangidina* aho izao, *tapitra* roapolo taona aho izao.

ACCOMPLIR, *va.* 1° Mahatanteraka, manatanteraka, mahavita, mamita, mahatontosa, manatontosa, mahefa, manefa. Dieu accomplit ce qu'il veut. Andriamanitra *mahatanteraka, mahavita, mahatontosa, mahefa* izay tiany. Il a accompli ses promesses. *Nahatanteraka* ny teny napetrany izy. 2° —, Mahatapitra. Il a accompli sa dixième anneé. *Nahatapitra* ny taona fahafolo nahaterahany izy.

S'accomplir, *vpr.* Tanteraka, vita, tontosa, tapitra. Puissent vos vœux s'—! Aoka ho *tanteraka* anie izay irinao!

ACCOMPLISSEMENT, *sm.* Fahatanterahana, fahavitana, famitana, fahatontosana, fanatontosana.

ACCORD, *sm.* 1° Fifanarahana, fikambanana, firaisan-kevitra, firaisan-kina. Ces frères vivent dans un parfait—. *Mifanaraka, mikambana, miray hevitra, miray hina* tsara izy mirahalahy. L'— des voix est nécessaire dans le chant. Ny *fifanarahan'* ny feo dia ilaina amy ny hira. 2° —, Fanekena. L'— conclu entre les deux Etats. Ny *fanekena* nataon' ny fanjakana roa tonta.

ACCORDABLE, *adj.* 1° Azo ampifanarahina, — akambana, — ampiraisinkevitra, — ampiraisin-kina. 2° —, Azo omena, — ekena.

ACCORDÉ, ÉE, *p.* 1° Nampifanarahina, nakambana, nampiraisin-kevitra, nampiraisin-kina. Ces deux ennemis sont accordés. Efa *nampifanarahina* ireo mpifandrafy ireo. 2°—, Nomena, omena, nekena, ekena. 3°—, Velona, novelomina.

ACCORDÉON, *sm.* Korodao.

ACCORDER, *va.* 1° Mampifanaraka, mampikambana, mampiray hevitra, mampiray hina.— les esprits. *Mampifanaraka,* etc., ny olona.— les cœurs. *Mampiray hina* ny fon' ny olona. 2° —, Manome, manaiky. Il accorde à ses amis tout ce qu'ils demandent. *Manome,* etc., izay rehetra angatahin' ny sakaizany izy. J'accorde ce que vous avez prouvé. *Ekeko* izay nohamarininao. 3° —, Mamelona. Il ne sait pas— son violon. Tsy mahay *mamelona* ny lokangany izy.

S'accorder, *vpr.* Mifanaraka, mikambana, miray hevitra, — hina. Les deux époux s'accordent parfaitement. *Mifanaraka* tsara dia tsara izy mivady. La première proposition ne s'accorde pas avec la dernière. Ny fehezan-teny voalohany tsy *mifanaraka* amy ny farany.

ACCORDEUR, *sm.* Mpamelona zavamaneno.

ACCOSTABLE, *adj.* Azo hatonina,—akekezina,—itodiana,—iantsonana. Voy. ABORDABLE.

ACCOSTER, *va.* Manatona, manakaiky, mitody, miantsona. —quelqu'un pour lui parler. *Manatona, manakaiky* olona mba hiteny aminy. La barque accosta le rivage. *Nanatona* ny tanety, *niantsona, nitody* tao amoron-drano ny lakan-drafitra.

S'accoster, *vpr.* Mifanatona, m'fanakaiky.

ACCOUCHÉE, *sf.* Tera-bao, velombao. Il est allé féliciter l' —. Lasa niarahaba ny *tera-bao,* etc., izy.

ACCOUCHEMENT, *sm.* Fiterahana.

ACCOUCHER, *vn.* 1° Miteraka, teraka. Elle est accouchée heureusement d'un garçon. *Nitera*-dahy, *tera*-dahy tsy naninona tsy naninona izy. 2° *fig.* Mamorona. Il a accouchée d'une fable curieuse. *Namorona* fanoharana mampihomehy izy.
— *va.* Mampivelona.

ACCOUCHEUR, EUSE, *s.* Mpampivelona, renin-jaza.

ACCOUDER (S'), *vpr.* Mitehina amy ny kiho, miankina—. Il s'accoude sur la table en mangeant. *Mitehina amy ny kihony* ao amy ny latabatra izy raha homana.

ACCOUDOIR, *sm.* Fitehenana amy ny kiho, fiankinana—.

ACCOUPLEMENT, *sm.* 1° Fanakambanana, fampikambanana, fikambanana, fampivadiana, fivadiana. 2° *fig.* Fanakambanana, fampikambanana, fikambanana.

ACCOUPLER, *va.* 1° Mamady, manakambana, mampikambana, mampivady. —des bœufs pour labourer. *Mamady, manakambana, mampikambana* omby mba hiasa tany. —des animaux. *Mampivady* biby. 2° *fig.* Manakambana, mampikambana. Il accouple ensemble les idées les plus disparates. *Manakambana,* etc., hevitra samihafa lavitra izy.

S'accoupler, *vpr.* Mikambana.

ACCOURCIR, *va.* Manafohy, mahafohy.

S'accourcir, *vpr.* Mihafohy.

ACCOURCISSEMENT, *sm.* Fanafohezana, hafohezana.

ACCOURIR, *va.* Midododododo, mirohotra, mihazakazaka. La foule accourut de toutes parts pour éteindre l'incendie. Ny olona rehetra *nidodododo,* etc., mba hamonjy ny hain-trano.

ACCOUTREMENT, *sm.* Fitafiana mampihomehy, haingon' adala.

ACCOUTRER, *va.* Mampanao haingon' adala.

S'accoutrer, *vpr.* Manao haingon' adala. Ce paysan s'était accoutré d'une façon ridicule. Izany ambanivohi-dahy izany *nanao haingon' adala.*

ACCOUTUMÉ, ÉE, *p.* et *adj.* Zatra, nozarina, mahazatra. Il est arrivé à l'heure accoutumée. Tonga tamy ny fotoana *mahazatra* azy izy.

ACCOUTUMER, *va.* Manazatra, mankazatra, mampahazatra. Il faut — les enfants à l'obéissance. Tsy maintsy *hanazatra,* etc., ny ankizy madinika mba hanaiky. — un bœuf à la charrue. *Manazatra,* etc., omby hiasa tany.

S'accoutumer, *vpr.* Mihazatra. Il s'accoutume au froid. *Mihazatra* amy ny hatsiaka izy.

ACCRÉDITER, *va.* 1° Mampahatoky. Sa bonne conduite l'a accrédité chez nous. Ny hatsaran' ny fitondran-tenany *nampahatoky* anay azy. 2°—, Manome fahefana. L'ambassadeur montra les lettres qui l'accréditaient auprès du souverain. Ny ambasadora nampiseho tamy ny mpanjaka ny taratasy *manome fahefana* azy. 3° *fig.* Mampiely. —un bruit. *Mampiely* tsaho.

S'accréditer, *vpr.* 1° Mahatoky, itokiana. Ce marchand commence à s'—. *Mahatoky,* etc., sahady io mpivarotra io. 2° *fig.* Miely.

ACCROC, *sm.* 1° Triatra. Il y a un—à son pantalon. Misy *triatra* ny patalohany. 2° *fig.* Sampona, sakana, fisakanana, fahasahiranana. Il y a un — dans cette affaire. Misy *sampona,* etc., amin' izany raharaha izany.

ACCROCHÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Voahantona, nahantona, mihantona, voasarangotra, nosarangotina, voasingotra. 2° *fig.* Voasampona, nosamponana, sampona, azon-tsampona, voasakana, nosakanana. L'affaire est accrochée. *Voasampona,* etc., ny raharaha.

ACCROCHER, *va.* 1° Manantona, manasarangotra, manasingotra — un tableau au mur. *Manantona* sary amy

ny rindrina. Elle a accroché sa robe aux épines. *Voasarangotra, voasingotry* ny tsilo ny zipony. 2° —, Midona, migona, mipoka. La charrette a accroché ma voiture. Ny sarety *nidona,* etc., tamy ny kalesiko. 2° *fig.* Manampontsampona, misakana. 4° —, Mahazo. — une place. *Mahazo* rabaraha.

S'accrocher, *vpr.* Misarangotra, misingotra, mamikitra, mamahatra. Il se serait noyé, s'il ne s'était accroché à une branche. Saiky maty an-drano izy, raha tsy *nisarangotra, namikitra, namahatra* tamy ny rantsan-kazo.

ACCROIRE, *vn.* Faire—. Mampino zavatra tsizy olona. Il voulait me faire— que c'était vrai. Ta-*hampino* ahy izany *ho marina* izy. S'en faire—. Mihambo, midehaka, mirehaka. Il ne s'en fait pas—. Tsy *mihambo,* etc., izy.

ACCROISSEMENT, *sm.* Fampitomboana, fitomboana, fanitarana, fitarana.

ACCROÎTRE, *va.* Mampitombo, manitatra. Il accroît tous les jours son bien. *Mampitombo* isan' andro ny fananany izy. — un jardin. *Manitatra* zariday.

—*vn.* Mitombo, mitatra. Sa gloire accroît tous les jours. *Mitombo* isan'andro ny voninahiny.

S'accroître, *vpr.* Mitombo, mitatra.

ACCROUPI, IE, *adj.* Tafatemontemona, mitemontemona, mitakoko, tafatorovoka, mitorovoka.

ACCROUPIR (S'), *vpr.* Mitemontemona, mitakoko, mitorovoka. Il s'accroupit sans cesse auprès du feu. *Mitemontemona,* etc., mandrakariva ao akaikin' ny afo izy.

ACCROUPISSEMENT, *sm.* Fitemontemonana, fitemontemona, fitakoko, fitorovoka.

ACCUEIL, *sm.* Fandraisana. Les Malgaches font bon—aux étrangers. Ny Malagasy *mandray* tsara ny vahiny.

ACCUEILLIR, *va.* Mandray. —poliment. *Mandray* amim-panajana.

ACCUL, *sm.* Fitoerana tsy misy hialana.

ACCULEMENT, *sm.* Fanosehana, fanerena, famoretana.

ACCULER, *va.* Manosika ho ao amy ny fitoerana tsy misy hialana, manery, mamoritra. —les ennemis contre les remparts. *Manosika, manery, mamoritra* ny fahavalo ao amy ny mánda. —le sanglier. *Manery, mamoritra* ny lambo.

S'acculer, *vpr.* Miampify mitampify. Il s'accula contre la muraille, *Niampify,* etc., tao amy ny rindrina izy.

ACCUMULATION, *sf.* Antontany, fampifanongoavana, fifanongoavana, fanavosana, fiavosana, fanavovonana, fiavovona, fanangonana, famoriana.

ACCUMULÉ, ÉE, *p.* 1° Natao antontany, nampifanongoavina, mifanongoa, navosaina, miavosa, navovona, miavovona, voangona, nangonina, novorina. 2° *fig.* Voangona, nangonina, novorina, tototra, nampiana, miampy.

ACCUMULER, *va.* 1° Manao antontany, mampifanongoa, manavosa, manavovona, manangona, mamory. —des pierres. *Manao antontam*-bato, *mampifanongoa,* etc., vato. —des biens. *Manangona* harena, mihary. 2° *fig.* Manangona, mamory, manototra, manampy. —des preuves. *Manangona, mamory* porofo. Il a accumulé des honneurs sur la tête de son ami. *Nanototra* voninahitra ny sakaizany izy. Il accumule crime sur crime. Manao heloka *manampy* heloka izy.

S'accumuler, *vpr.* 1° Mifanongoa, miavosa, miavovona, miangona. 2° *fig.* Mitombo, miampy. Les dettes s'accumulèrent pendant ces deux années. *Nitombo, niampy* ny trosa nandritra ireo roa taona ireo.

ACCUSABLE, *adj.* 1° Azo ampangaina, —toriua. 2° —, Azo tsinina.

ACCUSATEUR, TRICE, *s.* Mpiampanga, mpitory.

ACCUSATION, *sf.* 1° Fiampangana, fitoriana. Les chefs d'— se réduisent à trois. Telo loha hiany no fototry ny *fiampañgana,* etc. 2° —, Faniniana. 3° —, Fanambarana ny fahotana.

ACCUSÉ, ÉE, *s.* Ny voampanga, ny ampangaina, ny voatory, ny torina.

ACCUSER, *va.* 1° Miampanga, mitory. On l'accuse d'avoir fui sur le champ de bataille. *Ampangaina* ho niamboho lehilahy tany amy ny ady izy. 2°—, Maniny. Je l'accuse de paresse. *Tsiniko* noho ny hakamoany izy. 3° —, Mampiseho, milaza, manambara. Les apparences accusent sa mauvaise intention. Ny zavatra hita ivelany no *mampiseho, manambara* ny ratsy kasainy hatao. —ses péchés. *Milaza, manambara* ny fahota-

ny. — réception d'une lettre. *Milaza* fa efa azo ny taratasy.

S'accuser, *vpr*. 1° Miampanga tena, mieky heloka. 2°—, Manambara, fahotana.

ACERBE, *adj*. 1° Handatra, maisatra, mafaitra. Vin —. Divay *handatra*, etc. 2° *fig*. Maharary, mangidy, lozabe. Paroles acerbes. Teny *maharary, mangidy*. Il est d'une humeur —. *Lozabe* izy.

ACÉRÉ, ÉE, *adj*. 1° Misy tsý. 2°—, Maranitra, mipilopilo, mitsilotsilo. Lance acérée. Lefona *maranitra*, etc. 3° *fig*. Mamoapoaka, mamelively, maharary. Style —. Laha-teny *mamoapoaka*, etc

ACÉRER, *va*. 1° Manisy tsý ny vy. 2°—, Mandranitra.

ACÉTEUX, EUSE, *adj*. Marikivy.

ACÉTIQUE, *adj.m*. (Ny asidra) amy ny vinaingitra.

ACHALANDAGE, *sm*. Fitarihana ny mpividy, hamaroan'—.

ACHALANDÉ, ÉE, *adj*. Be mpividy. Boutique achalandée. Trano fivarotana *be mpividy*.

ACHALANDER, *va*. 1° Mitarika mpividy, mahabe ny mpividy, manao dokam-barotra. 2° *fig*. Mampiely.

ACHARNEMENT, *sm*. Kiry, fikirizana, mokitra, fimokirana, filofoana, fimasoana, filozohana, fifantsihana.

ACHARNÉ, ÉE, *adj*. Kirína, mikiry, mimokitra, milofo, mimaso, milozoka, mifantsika. Ils sont acharnés les uns contre les autres. *Mifampikiry* izy ireo.

ACHARNER, *va*. Mamporisika. — un chien contre un autre. *Mamporisika* alika hiady.

S'acharner, *vpr*. Mikiry, mimokitra, milofo, mimaso, milozoka, mifantsika. Le lion s'acharna contre le bœuf. Ny liona *nikiry* tamy ny omby. S'— au combat. *Mikiry, milofo* amy ny ady. S'— à l'étude. *Mikiry*, etc., amy ny fianarana.

ACHAT, *sm*. 1° Fividianana. Faire—d'une maison. *Mividy* trano. 2° —, Zavatra voavidy. Montrer ses achats. Mampiseho ny *zavatra voavidy*.

ACHEMINEMENT, *sm*. Fandehanana, fandrosoana. C'est un—à la paix. *Mampandroso* ny raharaham-pihavanana izany.

ACHEMINER, *va*. Mampandeha, mampandroso.

S'acheminer, *vpr*. Mandeha, mizotra, mandroso. Il s'achemina vers la capitale. *Nandeha*, etc., ho any amy ny renivohitra izy.

ACHETÉ, ÉE, *p*. 1° Voavidy, novidina, novinidy. 2° *fig*. Voasisika, nosisihana, azo, notakalozana, natakalo.

ACHETER, *va*. 1° Mividy. Il a acheté à bon compte les bœufs qui restaient au marché. *Nividy* mora ny omby sisa tsy lafo tao an-tsena izy. 2° *fig*. Manisika, mahazo, manakalo. — les juges. *Manisika* ny mpitsara. Il a acheté la victoire au prix du sang des soldats. Ny ran'ny miaramila no *nahazoany, natakalony* fandresena.

S'acheter, *vpr*. Vidina.

ACHETEUR, *sm* Mpividy,

ACHEVÉ, ÉE, *p*. et *adj*. 1° Vita, novitaina, tanteraka, notanterahina, voaefa, noefaina, tapitra, notaperina. 2° *fig*. Lavorary, tontosa, tena. C'est un ouvrage—. Boky *lavorary, tontosa* izany. C'est un fou —. *Tena* adala io.

ACHÈVEMENT, *sm*. Fahavitana, famitana, fahatanterahana, fahatontosana, fanefana, fanaperana.

ACHEVER, *va*. 1° Mahavita, mamita, mahatanteraka, mahatontosa, manefa, manapitra. Il a achevé son travail. *Nahavita*, etc., ny asany izy. Il a achevé d'armer ses troupes. Efa *tapi*-nanome fiadiana ny miaramilany izy. 2° *fig*. Efa ho..., mandany, manapitra ny aina. Il achève de se perdre. *Efa ho* very izy. Il acheva ses jours dans la retraite. *Nandany* ny androny sisa tany amy ny tany mangingina izy. Il acheva l'ennemi d'un coup de lance. *Nanapitra ny ain'* ny fahavalo tamy ny lefona izy.

S'achever, *vpr*. Efa ho vita, efa ho tapitra, vita, tapitra.

ACHOPPEMENT, *sm*. Fanafintohinana, fahatafintohinana. Pierre d'—. Vato *fahatafintohinana*.

ACIDE, *sm*. Asidra.

—, *adj*. Marikivy, mahadilo, makirana. Le citron est—. *Marikivy*, etc., ny voasary.

ACIDITÉ, *sf*. Faharikivy, fahakirana. L'—de l'oseille. Ny *faharikivin'* ny kamasina.

ACIDULÉ, ÉE, *adj*. Marimarikivy, makirankirana.

ACIDULER, *va*. Mahatonga ho marikivy.

ACIER, *sm.* 1° Tsý. 2° *fig.* Zava-maranitra. Il l'a frappé d'un—homicide. Namely azy tamy ny *zava-maranitra* izy.

ACIÉRER, *va.* Manisy tsý.

ACOLYTE, *sm.* 1° Akôlita. 2° *fig.* Mpanaraka.

ACOMPTE, *sm.* Lefilany. Il a payé cent francs en—. Nandoa ariary roapolo natao *lefilany* izy.

ACOUSTIQUE, *sf.* Fahaizana momba ny feon-javatra.

—, *adj.* Momba ny feon-javatra. Nerf—. Hozatra mandray ny *feon-javatra*. ‖ *loc.* Cornet—. Fihainoana ho any ny marenina.

ACQUÉREUR, *sm.* Mpividy, mpahazo.

ACQUÉRIR, *va.* Mividy, mahazo. —un terrain. *Mividy* tany. —un héritage,—du savoir. *Mahazo* lova,—fahaizana.

S'acquérir, *vpr.* Vidina, azo.

ACQUIESCEMENT, *sm.* Fiekena, fanekena, fankasitrahana.

ACQUIESCER, *va.* Mieky, manaiky, mankasitraka. Il acquiesça à la volonté de son chef. *Nieky*, etc., ny sitrapon'ny lehibeny izy.

ACQUIS, ISE, *p.* et *adj.* 1° Voavidy, novidina, azo. 2° —, Mahatoky, itokiana. Cet homme m'est—. *Mahatoky* ahy, *itokiako* io lehilahy io.

ACQUIS, *sm.* Fahaizana. Cet homme a beaucoup d'—. Be *fahaizana* izany lehilahy izany.

ACQUISITION, *sf.* 1° Fividianana, fahazoana. 2° —, Zavatra novinidy,— azo.

ACQUIT, *sm.* Fanafahan-trosa.

Par manière d'acquit, *loc. adv.* Tsirambina. Il fait son travail par manière d'—. Manao *tsirambina* ny asany izy, *miala safay* amy ny asany izy.

ACQUITTEMENT, *sm.* 1° Fanafahan-trosa. 2°—, Fanafahana.

ACQUITTÉ,ÉE, *p.* 1° Afaka,voaloa, naloa, voaefa, nefaina. 2° —, Tanteraka, notanterahina, tontosa, notontosaina.

ACQUITTER, *va.* 1° Mahafaka, mahaloa, mandoa, manefa. Il a acquitté sa dette. *Nahafaka*, etc., ny trosany izy. 2°—, Manafaka. —un accusé. *Manafaka* olona voampanga. 3° —, Manatanteraka, manatontosa. Il a acquitté sa promesse. *Nanatanteraka,* etc., ny teny napetrany izy.

S'acquitter, *vpr.* 1° Afa-trosa, — kitra. Il s'est acquitté envers son créancier. *Afa-trosa*, etc., amy ny tompon-trosa izy. 2°—, Manatanteraka, manatontosa, mahavita. Il s'acquitte parfaitement de son devoir. *Manatanteraka,* etc., tsara ny raharahany izy.

ACRE, *adj.* 1° Mafaitra, maisatra, handatra, mangidy. Fruit—. Voankazo *mafaitra, maisatra, handatra.* 2° *fig.* Maharary, mangidy, lozabe. Voy. ACERBE.

ACRETÉ, *sf.* Hafaitra, hamaisatra, hahandatra, hangidy. —de la bile. *Hangidin'* ny ranon' afero.

ACRIMONIE, *sf.* 1° Hangidy. L'—du sel. Ny *hangidin'* ny sira. 2° *fig.* Halozana, hamaflan-teny. Il a de l'— dans son caractère. *Lozabe* izy. Ses discours sont pleins d'—. Ataony *mafy* loatra ny lahateniny.

ACRIMONIEUX, EUSE, *adj.* 1° Mangidy. 2° *fig.* Lozabe, mafy.

ACROBATE, *sm.* Mpandihy ambonin' ny mahazaka.

ACTE, *sm.* 1° Atao, asa, Les actes des Apôtres. Ny *asan'* ny Apostoly. Il reçoit ce qui est dû à ses actes. Miverina aminy ny *ataony*, ny *asany*. Mes actes sont irréprochables. Ny *nataoko* tsy azo tsinina. ‖ *loc.* — de foi, de charité, de zèle, de folie, de soumission, d'accusation. Finoana, fitiavana, fahazotoana, hadalana, fanekena, fiampangana. Faire—de.. Mampiseho. Il fait parfois des actes de folie. Indraindray izy *mampiseho* hadalana. Il a fait — d'autorité. *Nampiseho* ny fahefany izy. Faire — de présence. Miseho, manatrika. 2°—, Taratasy fanoratana. Il a signé l'—de vente. Nanisy sonia ny *taratasy* fivarotana izy. Tous les faits ont été consignés dans les actes publics. Voasoratra amy ny *taratasim-*panjakana avokoa ny zavatra rehetra.

ACTEUR, TRICE, *s.* Mpanao theatra.

ACTIF, IVE, *adj.* 1° Marisika, mavitrika, manao, miasa. Il est très — dans tout ce qu'il fait. *Marisika dia marisika, mavitrika dia mavitrika* amin'izay rehetra ataony izy. Il a pris une part active dans cette affaire. Niara-*nanao, niasa* tamin'izany raharaha izany izy. Verbe —. Verba *manao, miasa.* 2° —, Mahery. Le feu est le plus— de tous les éléments. Ny afo no zavatra *mahery* indrindra. ‖ *loc.* Dette active. Trosa amin' olona.

—, *sm.* Trosa amin' olona

ACTION, *sf.* 1° Atao, fanaovana, asa, forme relative. Ses bonnes actions lui ont mérité des honneurs. Ny soa *nataony*, ny asa soa vitany nampahazo voninahitra azy. Il faut des actions et non pas des paroles. Tsy ny vava no ilaina fa ny *fanaovana*. — de courir *Fihazakazahana*. — de grâces. *Fisaorana*. 2°—, Hery. Le soleil exerce une — puissante sur la végétation. Ny masoandro manan-*kery* lehibe amy ny zava-maniry. 3°—, Ady. Il engagea l'— au point du jour. Nanomboka ny *ady* raha vao marainakoa izy. ‖ *loc.* — criminelle. Fiampangana amy ny mpitsara, fitoriana. Intenter contre quelqu'un une — criminelle. *Miampanga, mitory* olona amy ny mpitsara. 4° —, Fihetsika. L'— de l'orateur est en parfait accord avec ce qu'il dit. Ny *fihetsiky* ny mpandaha-teny mifanaraka tsara amy ny teny ataony. 5°—, Vola omena hiteraka amy ny raharaha na varotra anankiray.

ACTIONNAIRE, *sm.* Mpanome vola hiteraka amy ny raharaha na varotra anankiray.

ACTIVEMENT, *adv.* An-karisihana, an-kavitrihana.

ACTIVER, *va.* 1° Mandodona, mahadodona, manafaingana, mahafaingana. La présence du maître active les travaux. Ny fanatrehan'ny tompo *mahadodona, mahafaingana* ny raharaha. 2°—, Mampahery. L'huile active le feu. Ny solika *mampahery* ny afo.

S'activer, *vpr.* Mihadodona, mihafaingana.

ACTIVITÉ, *sf.* 1° Harisihana, havitrihana. Il déploie une—remarquable malgré son âge avancé. Mampiseho *harisihana*, etc., mahagaga izy na dia antitra aza. 2°—, Hery. L'— du feu croissait de plus en plus. Nitombo dia nitombo ny *herin'* ny afo.

ACTUEL, ELLE, *adj.* Ankehitriny. Le langage —. Ny fiteny *ankehitriny*.

ACTUELLEMENT, *adv.* Ankehitriny, izao.

ADAGE, *sm.* Ohabolana, ohatra.

ADAPTÉ, ÉE, *p.* 1° Nampiadina, miady, napaka, mipaka, natsetaka, mitsetaka. 3°—, Nampifanarahina, mifanaraka.

ADAPTER, *va.* 1° Mampiady, mampipaka, mampitsetaka. 2°—, Mampifanaraka.

S'adapter, *vpr.* 1° Miady, mipaka, mitsetaka. Ce couvercle s'adapte bien. *Miady*, etc., tsara io takotra io. Ce chapeau s'adapte très bien à ma tête. *Mitsetaka* tsara amy ny lohako ity satroka ity. 2°—, Mifanaraka. Ce passage de l'Ecriture Sainte s'adapte bien à votre sujet. Izany teny nalaina tamy ny Soratra Masina izany *mifanaraka* tsara amin' izay lazainao.

ADDITION, *sf.* 1° Fanampiny. Il a fait plusieurs additions à son ouvrage. *Nanampy* zavatra maro tamy ny boky nosoratany izy. 2°—, Adisanina. Faire une —. Manao *adisanina*.

ADDITIONNEL, ELLE, *adj.* Fanampiny. Un article— modifia le traité. Ny *fanampiny* kely anankiray nanova ny fanekena.

ADDITIONNÉ, ÉE, *p.* Natao adisanina, voatontaly, notontalina, nakapoka, nakambana, natambatra.

ADDITIONNER, *va.* Manao adisanina, manatontaly, manakapoka, mampikambana, mampitambatra. Additionnez ces nombres. *Ataovy adisanina, tontalio, akapohy, akambano, atambaro* ireo isa ireo.

ADEPTE, *sm.* Olona nanambarana zava-miafina.

ADHÉRENCE, *sf.* Firaiketana, fipetahana.

ADHÉRENT, ENTE, *adj.* Miraikitra, mipetaka. La peau est adhérente à la chair. Ny hoditra *miraikitra*, etc., amy ny nofo.

—, *sm.* Mpanaraka, mpiandany.

ADHÉRER, *vn.* 1° Miraikitra, mipetaka. L'écorce de cet arbre adhère fortement au bois. Ny hoditr' io hazo io *miraikitra*, etc., mafy amy ny tenany. 2°—, Manaraka, miandany. J'adhère à ce que vous dites. *Manaraka* izay voalazanao aho. — à un parti. *Miandany* amy ny andaniny anankiray.

ADHÉSION, *sf.* 1° Firaiketana, fipetahana. 2°—, Fanekena. Il donna son— au traité. *Nanaiky* ny fanekem-pihavanana izy.

ADIEU, *adv.* Veloma, trarantitra, hotahin' Andriamanitra. Il lui dit—. Nanao *veloma* azy izy. —jusqu'à demain. *Veloma* mifoha.

—, *sm* Fahafoizana, fandaozana. Il a dit un éternel—au monde. *Namoy, nandao* an' izao tontolo izao mandrakizay izy.

ADJACENT, ENTE, *adj.* Akaiky, anila. Il a acheté l'emplacement— au sien. Nividy ny tokotany tao *akaiky, anilan'* ny azy izy.

ADJECTIF, *sm.* Teny milaza ny toetry ny anarana na mametra azy, adjektifa.

ADJOINDRE, *va.* Manome ho mpanampy.

S'adjoindre, *vp.* Maka ho namana. Il s'adjoint toujours des hommes de mérite. *Maka ho namana* ny olo-mendrika mandrakariva izy.

ADJOINT, INTE, *p.* Nomena ho mpanampy.

—, *sm.* Mpanampy, lefitra.

ADJUDANT, *sm.* Manamboninahitra lefitra.

ADJUDICATAIRE, *sm.* Izay faradoboka mahazo lavanty.

ADJUDICATEUR, *sm.* Mpiantso lavanty, mpanolotra lavanty.

ADJUDICATION, *sf.* Fanolorana lavanty.

ADJUGER, *va.* 1° Manome amy ny faradoboka, manome lavanty. 2°—, Manome. On lui adjugea le prix. *Nomena* ny valisoa izy.

S'adjuger, *vpr.* Maka ho any ny tenany. Il s'adjugea la chose en litige. *Naka ho azy* ny zavatra niadiana izy.

ADJURATION, *sf.* 1° Fandroahana ny demony amy ny anaran' Andriamanitra. 2°—, Fangatahana mafy.

ADJURER, *va.* 1° Mandidy amy ny anaran' Andriamanitra. 2°—, Mangataka mafy.

ADMETTRE, *va.* 1° Mandray, manaiky, manaraka, mino, mety. Il ne voulut pas l'—au nombre de ses amis. Tsy nety *nandray* azy ho isan' ny sakaizany izy. Je ne puis—vos excuses. Tsy azoko *ekena* ny fialan-tsininao. J'admets cette opinion. *Manaiky, manaraka, mino* izany hevitra izany aho. Il n'admet pas de discussion. Tsy *manaiky,* tsy *mety* hiady hevitra izy. 2°—, Misy. La vertu parfaite n'admet pas de faiblesse. Ny hatsaram-panahy lavorary tsy *misy* fahosana.

ADMINISTRATEUR, TRICE, *sm.* Mpanapaka, mpandidy, mpitandrina, mpifehy, mpitondra.

ADMINISTRATIF, IVE, *adj.* Momba ny fanapahana, —ny fandidiana,—ny fitandremana,—ny fifehezana, —ny fitondrana olona. Ses talents administratifs sont remarquables. Mahagaga ny fahaizany *manapaka, mandidy, mitandrina, mifehy, mitondra olona.*

ADMINISTRATION, *sf.* 1° Fanapahana, fandidiana, fitandremana, fifehezana, fitondrana olona. 2° —, Fanomezana.

ADMINISTRÉ, ÉE, *p.* 1° Voatapaka, notapahina, voadidy, nodidiana, voatandrina, notandremana, voafehy, nofehezina, nentina. 2°—, Nomena.

—, *sm.* Olom-pehezina. Il est aimé de ses administrés. Tian' ny *olom-peheziny* izy.

ADMINISTRER, *va.* 1° Manapaka, mandidy, mitandrina, mifehy, mitondra. Il administre bien l'Etat. *Manapaka, mandidy, mifehy* tsara ao amy ny fanjakana izy, mahay *mitondra* fanjakana izy. Il administre mal les biens de son maître. Tsy *mitandrina* tsara ny fananan' ny tompony izy. Il ne sait pas —ses affaires. Tsy mahay *mitandrina, mitondra* ny raharahany izy. 2°— Manome. Administrez ce remède au malade. *Omeo* ny marary io fanafody io. —les Sacrements. *Manome* ny Sakramenta. ‖ *loc.*—la justice. Mitsara.

ADMIRABLE, *adj.* Mahagaga, mahatalanjona, mampitampim-bava.

ADMIRABLEMENT, *adv.* Tsara dia tsara. Il peint—. Manoso-doko *tsara dia tsara* izy

ADMIRATEUR, TRICE, *s.* Mpigaga, mpitalanjona. Il est grand—des Grecs. Ny Grika no *igagany, italanjonany* indrindra.

ADMIRATION, *sf.* Figagana, fahatalanjonana, fitalanjonana. Il est un objet d'—pour tout le monde. *Figagana, fitalanjonan'* ny olona rehetra izy. Il est dans l'—de tout ce qu'il voit. Ny zavatra rehetra izay hitany *mahagaga, mahatalanjona* azy avokoa.

ADMIRÉ, ÉE, *p.* Igagana, italanjonana.

ADMIRER, *va.* Migaga, gaga, mitalanjona, talanjona. On admire sa sagesse. *Igagana, italanjonana* ny fahendreny.

S'admirer, *vpr.* Mandoka tena, midoka tena. Il s'admire dans tout ce qu'il dit. *Mandoka tena,* etc., amin' izay rehetra lazainy izy.

ADMIS, ISE, *p.* et *adj.* Voaray, noraisina, raisina, nekena, ekena, narahina,

arahina, ninoana, inoana. Il a été — à l'hôpital. *Voaray, noraisina* tamy ny trano fitsaboana izy. C'est une coutume admise dans ce pays. Fanao *arahina* amin' ity tany ity izany. Cette opinion n'est pas admise par les savants du jour. Izany hevitra izany tsy *ekena*, tsy *arahina*, tsy *inoan'* ny olo-mahay ankehitriny.

ADMISSIBLE, *adj.* Azo raisina, azo ekena, azo arahina, azo inoana.

ADMISSION, *sf.* Fandraisana.

ADMONESTATION, *sf.* Fananarana, anatra.

ADMONESTER, *va.* Mananatra.

ADMONITION, *sf.* Fananarana, anatra, filazana.

ADOLESCENCE, *sf.* Hatanorana, fahatanorana.

ADOLESCENT, ENTE, *s.* Zatovo, tovolahy, tovovavy, tanora.

ADONNÉ, ÉE, *p.* Tafaraikitra, miraikitra, tafalozoka, milozoka, tafafantsika, mifantsika, mimaso, mifositra, mifototra, revo. Il est—au jeu. *Tafaraikitra, miraikitra* amy ny lalao, *revo* milalao izy.

ADONNER (S'), *vpr.* Miraikitra, milozoka, mifantsika, mimaso, mifositra, mifototra. Il s'adonne à l'étude. *Miraikitra*, etc., amy ny fianarana izy.

ADOPTANT, *sm.* Mpanangan-jaza.

ADOPTÉ, ÉE, *s.* Zanaka natsangana.

ADOPTER, *v.a.* 1° Manangan-jaza. Je vous adopte. *Atsangako* ho zanaka hianao. 2° *fig.* Manaiky, manaraka. J'adopte votre avis. *Manaiky*, etc., ny hevitrao aho.

ADOPTIF, IVE, *adj.* 1° Natsangana. Fils—. Zanaka *natsangana.* 2° —, Nanangana. Père—. Ray *nanangana.*

ADOPTION, *sf.* Fananganan-jaza. Père par—. Ray *nanangana.*

ADORABLE, *adj.* 1° Mendrika hivavahana. 2° *fig.* Tokony hotiana.

ADORATEUR, *sm.* 1° Mpivavaka. C'est un— sincère. *Mpivavaka* marina izy. 2° *fig.* Raiki-pitia, matimaty. C'est un— de la fortune. *Raiki-pitia* amy ny harena, *matimatin*-karena izy.

ADORATION, *sf.* 1° Fivavahana, fanajana, fitsaohana. L'— n'est due qu'à Dieu seul. Tsy azo atao afa-tsy amin' Andriamanitra irery hiany ny *fivavahana.* L'—de la croix. Ny *fanajana* ny hazo-fijaliana. 2° *fig.* Fitiavana lehibe.

ADORÉ, ÉE, *p.* 1° Nivavahana, ivavahana, nohajaina, hajaina, voatsaoka, notsaohina. 2° *fig.* Tiana izaitsizy.

ADORER, *va.* 1° Mivavaka, manaja, mitsaoka. Les ancêtres ont eu la folie d'— des morceaux de bois. Hadalana lehibe ny *nivavahan'* ny Ntaolo tamy ny tapakazo. Les Mages adorèrent l'enfant de la crèche. Ny Majy *nitsaoka* ny zaza tao an-tranon' omby. 2° *fig.* Tia izaitsizy.

S'adorer, *vpr.* 1° Mifankatia indrindra. 2° —, Tia tena loatra.

ADOSSER, *va.* 1° Manankim-boho. Il a adossé l'enfant contre le mur. *Nanankimboho* ny zaza kely tamy ny rindrina izy. 2° *fig.* Manankina, manampify, manatampify. Il adossa sa maison contre le rocher. *Nanankina*, etc., ny tranony tamy ny vatolampy izy.

S'adosser, *vpr.* Miankina, miampify, mitampify. Il s'adossa contre un arbre. *Niankina*, etc., tamy ny hazo izy.

ADOUCI, IE, *p.* 1° Nohamamína, mamy. 2°—, Nohalemena, malemy, mihena. 3°—, Voalama, nolamaina. 4° *fig.* Voaonona, nononina, nampiononina, mionona, voatony, notonena, mitony, voaketraka, noketrahina, ketraka, nolefahina, malefaka, nohamoraina.

ADOUCIR, *va.* 1° Manamamy. — le citron avec du sucre. *Manamamy* voasary amy ny siramamy. 2° —, Manalemy, mampihena. Adoucissez votre voix. *Halemeo* ny feonao. La pluie adoucit le temps. Ny ranonorana *mampihena* ny hatsiaka. 3°—, Mandama. — une glace. *Mandama* fitaratra. 4° *fig.* Mampionona, mampitony, manony, manaketraka, manalefaka, manamora. Il adoucit par ses paroles la colère de son ennemi. Izy *nampionona, nampitony, nanony, nanaketraka, nanalefaka* ny hatezeran' ny fahavalony tamy ny teny nataony. Vos paroles ont adouci mon chagrin. Ny teninao *nampionona, nampitony, nanaketraka* ny alaheloko. Adoucissez vos reproches. *Hamorao* ny fananaranao.

S'adoucir, *vpr.* 1° Mihamamy. 2° —, Mihalemy, mihena. 3°—, Mihiamalama. 4° *fig.* Mionona, mitony, mihaketraka, mihamalefaka, mihamoramora.

ADOUCISSANT, ANTE, *adj.* Manaketraka, manalefaka, mampitony.

—, *sm.* Fanafody manaketraka, —, manalefaka, — mampitony.

ADOUCISSEMENT, *sm.* Fampiononana, fiononana, fampitoniana, fitonia-

na, fanaketrahana, haketrahana, fanalefahana, halefaka, fanamorana, hamorana.

ADRESSE, *sf.* 1° Ladiresy, sonia. Vous avez oublié de mettre l'— sur votre lettre. Hadinonao ny hanisy *ladiresy,* etc., amy ny taratasinao. 2° —, Hakingana, fahaizana, fahendrena. Il fait tout avec —. *Kinga* amy ny zavatra rehetra izy. Il faut manier cette affaire avec —. Tokony hoentina amim-*pahendrena* izany raharaha izany.

ADRESSER, *va.* 1° Mampitondra, maniraka. Adressez-moi vos lettres à Ambohimanga. *Ampitondray* amiko any Ambohimanga ny taratasinao. Je vous adresse un bon domestique. *Maniraka* mpanompo mahatoky aminao aho. 2° —, Milaza. Il adressa quelques mots au peuple. *Nilaza* teny vitsivitsy tamy ny vahoaka izy.

S'adresser, *vpr.* 1° Manatona. Le malade s'adressa au médecin le plus célèbre. *Nanatona* ny dokotera malaza indrindra ny marary. 2° —, Miteny, he..., mihatra. Le père s'adressa à ses enfants. *Niteny* tamy ny zanany rainy. Cette lettre s'adresse à lui. *Ho* azy io taratasy io. C'est à vous tous que ces paroles s'adressent. Hianareo rehetra no *iharan'* izany teny izany.

ADROIT, OITE, *adj.* 1° Kinga, havanambanana, mahay. Il est — à tirer de l'arc. *Kinga, havanambanana* amy ny fandefasana tsipíka izy. Il est — à manier les esprits. *Mahay* mitondra olona izy.

ADROITEMENT, *adv.* Amim-pahakingana, — pahaizana, — pahendrena.

ADULATEUR, TRICE, *sm.* Mpandoka, mpandrobo.

—, *adj.* Be fandokafana. Son langage est —. *Be fandokafana* ny teny ataony.

ADULATION, *sf.* Fandokafana, fandroboana.

ADULER, *va.* Mandoka, mandrobo.

ADULTE, *adj.* et *s.* Olon-dehibe, olombaventy.

ADULTÈRE, *adj.* et *s.* Mpaka vadin' olona, manabodo—, mpibodo—, manambady ka mijangajanga.

—, *sm.* Fakána vadin'olona, fanabodoana—, fibodoana—, fijangajangan' ny manambady, adoltera.

ADULTÉRIN, INE, *adj.* et *s.* Zaza azo avy amy ny adoltera.

ADVENIR, *vn.* Tonga, miseho. Ce qu'on craignait est advenu. *Tonga, niseho* ny natahorana.

ADVERBE, *sm.* Teny anampy ny verba sy ny adjektifa, adverba.

ADVERBIAL, ALE, *adj.* Manao ny asan'ny adverba. Locution adverbiale. Fombam-pitenenana *manao ny asan'ny adverba.*

ADVERBIALEMENT, *adv.* Hoatry ny adverba.

ADVERSAIRE, *sm.* Mpanohitra, andaniny. C'est mon plus grand—. Tsy misy *mpanohitra* ahy tahaka azy.

ADVERSE, *adj.* Manohitra, andaniny. Partie —. *Andaniny* hafa. La partie — a triomphé. Nahery ny *andaniny* hafa.

ADVERSITÉ, *sf.* Fahoriana, loza. Il est dans l'—. Azom-*pahoriana,* tra-*doza* izy.

AÉRAGE, *sm.* Fampidiran-drivotra.

AÉRÉ, ÉE, *p.* et *adj.* Tsara rivotra, nampidiran-drivotra. Maison bien aérée. Trano *tsara rivotra,* etc.

AÉRER, *va.* Mampidi-drivotra.

AÉRIEN, ENNE, *adj.* Momba ny rivotra, izay any amy ny rivotra. Les voies aériennes. Ny lalan-*drivotra.*

AÉROLITHE, *sm.* Vato latsaka avy any amy ny habakabaka.

AÉRONAUTE, *sm.* Olona misondrotra anaty balóna.

AÉROSTAT, *sm.* Balóna.

AFFABILITÉ, *sf.* Halemem-panahy. Il reçoit avec—. Mandray olona amin-*halemem-panahy* izy.

AFFABLE, *adj.* Malemy fanahy, malemy paika.

AFFADIR, *va.* 1° Manatsatso, mandefy, mahalefy. — une sauce. *Manatsatso,* etc., ró. 2°— Mampahatofoka. Cette nourriture affadit mon estomac. Ity hanina ity *mampahatofoka* ny ambavafokó. 3° *fig.* Manatsatso, mandefy, mahalefy. Il affadit ses discours par trop d'ornements. *Manatsatso,* etc., ny laha-teniny amy ny haingon-teny be loatra izy.

AFFADISSEMENT, *sm.* 1° Hatsatsoana, fahalefena. 2°— Hatofohana.

AFFAIBLIR, *va.* Mankalemy, mampahalemy, mampahosa, mampihena. Tu as trop raboté cette planche, tu l'as affaiblie. Namankona be loatra io hazo

fisaka io ise, ka'*nankalemy* azy. Les maladies affaiblissent le corps. Ny aretina *mampahalemy, mampahosa* ny vatana. L'âge affaiblit la vue. Ny fahanterana *mampihena* ny fahiratana.

S'affaiblir, *vpr.* Mihalemy, mihaosa, mihena. Son autorité s'est affaiblie. *Nihena* ny fahefány.

AFFAIBLISSANT, ANTE, *adj.* Mankalemy, mampahosa. Il prend des remèdes affaiblissants. Misotro fanafody *mankalemy*, etc., izy.

AFFAIBLISSEMENT, *sf.* Fahalemena, fahosana, fihenána.

AFFAIRE, *sf.* 1° Raharaha, asa. Il a beaucoup d'affaires. Be *raharaha* izy. C'est mon —. *Raharahako* izany. C'est son —. *Raharahany, asany, asa* azy izany. Avec qui avez-vous affaire ? Iza no anananao *raharaha*, iza no tianao hiresahana ? L'— la plus importante, c'est de se bien conduire. Ny fahaizana mitondra tena no zokin-*draharaha* indrindra. Il s'est consacré tout entier aux affaires publiques. Ny *raharaham*-panjakana hiany no ikelezany aina. 2°—, Ady. L'— a été portée devant les juges. Ny *ady* nentina tamy ny mpitsara. L'— fut sanglante. Nisy ra nandriaka tamin' izany *ady* izany. 3°—, Fahasahiranana. Il me suscite toujours des affaires. Mamorom*pahasahiranana* amiko mandrakariva izy. 4°—, *pl.* Toe-draharaha. Comment vont les affaires à la capitale ? Manao ahoana ny *toe-draharaha* any amy ny renivohitra ?

AFFAIRÉ, ÉE, *adj.* Be raharaha, miheninkenina.

AFFAISSEMENT, *sm.* 1° Fietrena, filetsena. 2° *fig.* Fahareraliana.

AFFAISSER, *va.* 1° Manetry, mandetsy. Les pluies ont affaissé le sol. *Nanetry, nandetsy* ny tany ny ranonorana. Ce fardeau a affaissé le plancher. Io entana io *nandetsy* ny rihana. 2° *fig.* Mandreraka. La maladie l'a affaissé. *Nandreraka* azy ny aretina.

S'affaisser, *vpr.* 1° Mietry, miletsy. Le plancher s'affaisse. *Mietry*, etc., ny rihana. 2° *fig.* Mihareraka, reraka. Il s'affaisse sous le poids des années. *Reraka* tsindrian' ny fahanterana izy.

AFFAMÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Noana, mosarena, mavo vava. 2° *fig.* Mitsiriritra. Il est — de gloire. *Mitsiriri*-boninahitra izy.

AFFAMER, *va.* Mahamosarena, mampiditra mosary, mampahamavo vava. Il affama la ville assiégée. *Nampiditra mosary, nampahamavo vava* ny vohitra natao fahirano izy.

AFFECTATION, *sf.* Fidoladola, fitihintihina, fitikintikina, fidihindihina, hajenitra, fiangolangola, fiangentsana, fiangeso, fihagohago, haitraitra, anganongano.

AFFECTÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Midoladola, mitihintihina, mitikintikina, midihindihina, jenitra, miangolangola, miangentsana, miangeso, mihagohago, mihaitraitra, mianganongano, ankosoka, hosokosoka. Il a une démarche affectée. *Midoladola, mitihintihina, mitikintikina, midihindihina, jenitra* amy ny fandeha izy. Il a un langage —. *Miangolangola, miangentsangentsana, miangeso, mihagohago, mihaitraitra* amy ny fiteny izy. Humilité affectée. Fanetren-tena *mianganongano, ankosoka, hosokosoka.* 2° —, Natokana. 3° —, Malahelo. Il a été très — de la mort de sa mère. Nâharaikitra *alahelo* azy mafy loatra ny nahafatesan' ny reniny. 4° —, Marary.

AFFECTER, *va.* 1° Ta-hatao hoe, te-hiseho ho, mampiseho hatsarana ankosoka, adala. Il affecte de paraître savant. *Tahatao hoe* mahay, *te-hiseho ho* mahay izy. Il affecte beaucoup d'humilité. *Mampiseho* fanetren-tena *ankosoka* mahagaga izy. Il affecte certains mots. *Adatanteny* sasany izy. 2°—, Manokana. Il a affecté mille piastres à la construction d'un hôpital. *Nanokana* vola arivo hoentina manorina trano fitsaboana izy. 3°—, Mampalahelo. Un rien l'affecte. Zavatra tsinontsinona *mampalahelo* azy.

S'affecter, *vpr.* 1° Atao ankosoka. La vraie douleur ne peut s'—. Ny alahelo marina tsy azo *atao ankosoka.* 2° —, Malahelo. Il s'affecte facilement. Mora *malahelo* izy.

AFFECTION, *sf.* 1° Fitiavana, fitia. Il a une grande — pour sa dernière fille. Be *fitiavana* ny zanany faravavy izy. 2°—, Aretina. Il a une — de poitrine. Azo ny *aretin*-tratra, kitratraina izy.

AFFECTIONNÉ, ÉE, *p.* et *adj.* Tiana, tia, raiki-pitia, raiki-pó. Il est — de son père. *Tian'* ny rainy izy. Il est très — à sa femme. *Raiki-pitia* ny vavy izy.

AFFECTIONNER, *va.* Tia, miraiki-pitia, miraiki-pó. Ce père affectionne ses enfants. Io ray io *tia* ny zanany, *miraiki-pitia*, etc., amy ny zanany.
S'affectionner, *vpr.* 1° Tia, miraiki-pitia, miraiki-pó. 2°—, Miraikitra, milozoka, mifantsika, mipaso. Comme s'Adonner.
AFFECTUEUSEMENT, *adv.* Am-pitiavana.
AFFECTUEUX, EUSE, *adj.* Tia, misy fitiavana. C'est un homme très —. Lehilahy be *fitiavana* izy. Il m'a écrit en termes très —. Feno *fitiavana* ny taratasy nampitondrainy ahy.
AFFERMER, *va.* Mampanofa, manofa. J'ai affermé mes rizières pour être plus tranquille. *Nahofako* ny tanimbariko, *nampanofa* ny tanimbariko aho mba hilaminako tsara. J'ai affermé une mine d'or. *Voahofako* tany misy volamena.
AFFERMIR, *va.* 1° Manamafy, manatanjaka. Affermissez le mur de peur qu' il ne tombe. *Hamafio* ny ampiantany sao mianjera. 2° *fig.* Mankahery, manamafy. Vos paroles ont affermi mon courage. *Nankahery* ny foko ny teninao.
S'affermir, *vpr.* 1° Mihamafy, mihatanjaka, mihamatanjaka. La santé du malade s'affermit tous les jours. *Mihatanjaka* isan'andro ny toetry ny marary. 2° *fig.* Mihahery, mihamahery, mihiamafy. Il s'est affermi dans sa résolution. *Nihahery*, etc., tamy ny fikasany izy.
AFFERMISSEMENT, *sm.* Fanamafisana, hamafy, hamafisana, fanatanjahana, hatanjahana, fankaherezana, hery.
AFFÉTERIE, *sf.* Comme Affectation.
AFFICHE, *sf.* Peta-taratasy, — gazety.
AFFICHER, *va.* 1° Mametaka taratasy, — gazety. La loi a été affichée sur la place publique. *Napetaka* tao amy ny kianja ny lalàna. 2° *fig.* Mampiseho. Il affiche ses vices. *Mampiseho* ny haratsiany izy.
S'afficher, *vpr.* Ta-hatao hoe..., te-hiseho ho.... Il s'affiche pour savant. *Tahatao hoe*, etc., mahay izy.
AFFICHEUR, *sm.* Mpametaka gazety.
AFFIDÉ, ÉE, *adj.* Mahatoky.
— *s.* Olona mahatoky, mpitsikilo.
AFFILÉ, ÉE, *adj.* 1° Maranitra. Mon couteau est bien —. *Maranitra* tsara ny antsiko. 2° *fig.* Il a la langue bien affilée. *Marani*-bava, *marani*-dela, mahay vava izy.
AFFILER, *va.* Mandranitra.
AFFILIATION, *sf.* Firaisana amy ny fikambanana anankiray.
AFFILIÉ, ÉE, *p., adj.* et *s.* Voaray ho isan' ny fikambanana anankiray, tafakambana amy ny —.
AFFILIER, *va.* Mandray ho isan' ny fikambanana anankiray, manakambana amy ny —.
S'affilier, *vpr.* Miray, mikambana.
AFFINAGE, *sm.* Fandiovana metaly.
AFFINER, *va.* 1° Mandio metaly. — de l'or. *Mandio* volamena. 2° —, Manasa. — du chanvre. *Manasa* rongony.
S'affiner, *vpr.* Mihadio.
AFFINERIE, *sf.* Trano fandiovana.
AFFINEUR, *sm.* Mpandio metaly.
AFFINITÉ, *sf.* 1° Fihavanana avy amy ny fanambadiana. 2° *fig.* Fitoviana, fifandraidraika. Il y a — entre leurs caractères. *Mitovy, mifandraidraika* ny toe-panahin' izy ireo.
AFFIRMATIF, IVE, *adj.* Milaza marina, misy filazana marina. Il a assuré d'un ton—. Efa *nilaza marimarina* izy. Proposition affirmative. Fehezan-teny *misy filazana marina.*
AFFIRMATIVE, *sf.* Fehezan-teny misy filazana marina, filazana marina, fanaikena. Les uns furent pour l'—, les autres pour la négative. Ny sasany *nanaiky*, ny sasany nandá.
AFFIRMATION, *sf.* Filazana marimarina.
AFFIRMATIVEMENT, *adv.* Marimarina.
AFFIRMER, *va.* Milaza marimarina. Je l'ai vu, je vous l'affirme. Efa hitako izany, ka *milaza marimarina* aminao aho.
AFFLEURER, *va.* 1° Mampitovy tantana. Affleurez les pierres du mur. *Mampitovia tantana* ny vato amy ny rindrina. 2° —, Safononoka, somafátra. La rivière affleure les digues. Ny renirano dia *safononoka*, etc., amy ny fefiloha.
AFFLICTIF, IVE, *adj.* Mampijaly ny vatana. Peine afflictive. Famaizana *mampijaly ny vatana.*
AFFLICTION, *sf.* 1° Alahelo fahoriana, fijaliana, fiferinaina. Il est plongé dans l'—. Latsaka ao anatin' ny *alahelo*, ny *fahoriana* izy. 2° —, Loza.

Toute espèce d'afflictions tombent sur lui. Ny ankamaroan' ny *loza* rehetra mahazo azy.

AFFLIGÉ, ÉE, *adj.* Malahelo, ory, mijaly, miferinaina. Consoler les affligés. Manafaka alahelo ny *malahelo,* ny *ory.*

AFFLIGEANT, ANTE, *adj.* Mampalahelo, mampahory, mampijaly, mampiferinaina.

AFFLIGER, *va.* Mampalahelo, mampahory, mampijaly, mampiferinaina. La mort de son enfant l'afflige profondément. Ny nahafatesan'ny zanany *mampalahelo,* etc. azy indrindra. La famine afflige le pays. *Mampahory, mampijaly* ny tany ny mosary. Il afflige son corps par le jeûne. *Mampijaly* ny tenany amy ny fifadian-kanina izy.

S'affliger, *vpr.* Malahelo, ory, mijaly, miferinaina.

AFFLUENCE, *sf.* 1° Habetsahana, habeazana, hasesehena. L'—des eaux a fait déborder la rivière. Ny *habetsahan',* etc., ny rano nahatondraka ny renirano. 2°—, Firohotra, fifololótra.

AFFLUENT, *sm.* Rano mikambana amy ny hafa, sampan-drano, sakeli-drano.

AFFLUER, *vn.* 1° Mikambana. L'Imamba afflue dans l'Ikopa. Imamba *mikambana* aminy Ikopa. 2° *fig.* Betsaka, be dia be, sesehena, diso vala. Les vivres affluaient dans le camp. *Betsaka,* etc., ny hanina tao an-toby. 3°—, Mirohotra, mifololótra. Les étrangers affluent dans cette ville. *Mirohotra,* etc., amin' io tanána io ny vahiny.

AFFOLER, *va.* Mahadala, manadala, mahalefaka.

S'affoler, *vpr.* Matim-pitia, lefaka, adala.

AFFOURRAGER, *va.* Manangom-bilona, mandrotsa-bilona.

S'affourrager, *vpr.* Manangom-bilona, mamela vilona.

AFFRANCHI, IE, *s., p.* et *adj.* Afaka, voavotsotra, novotsorana, nalefa, voavotra, navotana. Je suis—de toute inquiétude. *Afaka* amy ny fanahiana rehetra aho.

AFFRANCHIR, *va.* Manafaka, mamotsotra, mandefa, manavotra.—un esclave. *Manafaka, mamotsotra, mandefa* andevo. Dieu affranchit son peuple. *Nanafaka, nanavotra* ny olony Andriamanitra.—d'impôts. *Manafaka* amy ny hetra. ‖ *loc.* — une lettre. Mandoa vola mba hampitondra taratasy.

S'affranchir, *vpr.* Miavo-tena, afaka. Cet esclave s'est affranchi. *Niavo-tena* ity andevo ity.

AFFRANCHISSEMENT, *sm.* 1° Fanafahana, famotsorana, fandefasana, fanavotana. 2°—, Fandoavam-bola mba hampitondra taratasy.

AFFRÈTEMENT, *sm.* Fanofan-tsambo.

AFFRÉTER, *va.* Manofa sambo.

AFFRÉTEUR, *sm.* Mpanofa sambo.

AFFREUSEMENT, *adv.* Izaitsizy. Il criait —. Nihorakoraka *izaitsizy* izy.

AFFREUX, EUSE, *adj.* 1° Mabatsiravina. Il pousse des cris—. Midradradradra *mahatsiravina* izy. 2°—, Ratsy izaitsizy, ratsy tarehy—, ratsy fanahy—. Le chemin est—. *Ratsy izaitsizy* ny lálana. C'est un homme—. Lehilahy *ratsy tarehy, ratsy fanahy izaitsizy* io.

AFFRIANDER, *va.* 1° Mampahalala dian-kanina, mitarika amy ny hanim-py. Il sait—les enfants avec du sucre. *Mahay mitarika* ny zaza kely amy ny siramamy izy. 2° *fig.* Mitarika. Le gain l'avait affriandé. *Notaritin'* ny tombom-barotra izy.

AFFRONT, *sm.* Fanalam-baraka, fanevatevana, fanesoana, fanalikalikana. Il a supporté cet —. Nandefitra izany *fanalam-baraka,* etc., izany izy. Il fait — à sa famille. *Manala baraka* ny fianakaviany izy.

AFFRONTER, *va.* Manehatra, sahy mitsena, manatona. Le soldat courageux affronte vaillamment l'ennemi. Ny miaramila mahery fo sahy *manehatra, mitsena* ny fahavalo. — le danger. *Maneha*-doza, *manatom*-paty.

AFFUBLEMENT, *sm.* Fitafian'adala.

AFFUBLER, *va.* Mampitafy fitafian' adala.

S'affubler, *vpr.* Manao fitafian'adala.

AFFÛT, *sm.* 1° Hazo fipetrahan-tafondro. 2° —, Fanitrihana, fitsikiloana, fitiliana. Il attendait le sanglier à l'—. *Nanitrika* niandry ny lambo izy. Etre à l'—. *Manitrika, mitsikilo, mitily* ahazoana haza. 3° *fig.* Fikendrena, fitadiavana. Il est à l'— d'une place. *Mikendry* raharaha anankiray izy. Il est à l'— de toutes les nouvelles. *Mitady* ny zava-baovao rehetra izy.

AFFÛTAGE, *sm.* Fanasana, faniniana, fandranitana.

AFFÛTER, *va.* Manasa, maniny, mandranitra.

AFIN, *c.* Ho..., forme relative. Les ennemis cherchaient mes enfants — de les faire mourir. Ny fahavalo nitady ny zanako mba *hovonoina.* Je vous écris ceci — que vous sachiez ce qui ce passe ici. Manoratra ity aminao aho mba *hahalalanao* ny toetry ny aty.

AFRICAIN, AINE, *adj.* et *s.* Afrikana.

AFRIQUE, *sf.* Afrika.

AGAÇANT, ANTE, *adj.* 1° Mahadilo. 2° *fig.* Mihatsy, mahasosotra, mahasorisorena, mahadikidiky.

AGACEMENT, *sm.* 1° Fahadilo. 2° *fig.* Fahasosorana.

AGACER, *va.* 1° Mahadilo. Le citron agace les dents. Ny voasary *mahadilo* ny nify. 2° *fig.* Mihatsy, mahasosotra, manorisory, mahadikidiky. N'agacez pas le chien de peur qu'il ne vous morde. Aza *mihatsy* ny alika sao kekeriny hianao. Le tapage que vous faites m'agace. Ny tabataba ataonao *mahasosotra, manorisory, mahadikidky* ahy.

S'agacer, *vpr.* 1° Madilo. 2° *fig.* Sosotra. 3°—, Mifampihatsy, mifanorisory.

AGAPE, *sf.* Sakafo niarahan' ny kristiana voalohany nihinana.

AGARIC, *sm.* Hola-bomanga, holatsaonjo.

AGATE, *sf.* Karazam-batomazava.

ÂGE, *sm.* 1° Andro iainana. L'— des chevaux ne dépasse guère 30 ans. Matetika saiky tsy mihoatra 30 taona ny *andro iainan'* ny soavaly. 2°—, Taona na volana na andro nahaterahana, —nahavelomana, —niainana, taona. Quel — avez-vous? Firy taona no *nahaterahanao, nahavelomanao, niainanao,* firy *taona* hianao? Il est mort à l'— de cinquante ans. Nony efa dimam-polo *taona* izy dia maty. Ils sont du même âge. Mitovy *taona* izy ireo. Cette femme cache son —. Manafina ny *taonany* io vehivavy io. ‖ *loc.* Depuis son bas—. Hatramy ny fahakelezany, fahazazany, fony kely, fony mbola zaza. Depuis l'— de raison. Hatramy ny vao vory saina. — avancé. Fahanterana. 3°—, Fahanterana. Il est affaissé par l'—. Reraky ny *fahanterana* izy. 4°—, Toko, fizarana, epoka. La durée du monde est divisée en plusieurs âges. Ny hahelan' ny andro niandohan' izao tontolo izao no ho mankaty dia efa voazarazara ho *toko,* etc., samihafa.

D'âge en âge, *loc. adv.* Amy ny taona mifandimby Les faits remarquables se transmettent d' — en —. Ny zavatra lehibe tanteraka mifindrafindra amy ny *taona mifandimby.*

ÂGÉ, ÉE, *adj.* 1° Misy taona. Enfant — de douze ans. Zaza efa roa amby ny folo *taona.* ‖ *loc.* Plus —. Zoky. Vous êtes plus — que moi. *Zokiko* hianao. Moins —. Zandry. Vous êtes moins — que moi. *Zandriko* hianao. 2°—, Antitra, tratrantitra, anti-panahy. C'est un homme —. Lehilahy *antitra,* etc., izy.

AGENCÉ, ÉE, *p.* Voarafitra, narafitra, voakambana, nakambana, mikambana, voalahatra, nalahatra, milahatra, voarindra, narindra, mirindra, voalamina, nalamina, milamina.

AGENCE, *sf.* Raharahan'ny *agent,* tranon'ny *agent.*

AGENCEMENT, *sm.* Fandrafetana, fanakambanana, fikambanana, fandaharana, filaharana, fandrindrana, firindrána, fandaminana, filaminana.

AGENCER, *va.* Mandrafitra, manakambana, mandahatra, mandrindra, mandamina. — les diverses parties d'une machine. *Mandrafitra, manakambana* ny saratsaraky ny milina anankiray. Il agence mal ses phrases. Tsy *mandahatra, mandrindra, mandamina* tsara ny teniny izy.

S'agencer, *vpr.* Mikambana, milahatra, mirindra, milamina.

AGENDA, *sm.* Boky kely fanoratana ny zavatra hotadidina.

AGENOUILLER (S'), *vpr.* Mandohalika, manongalika.

AGENOUILLOIR, *sm.* Fandohalehana, fanongalihana.

AGENT, *sm.* 1° Zavatra miasa, — manao. 2°—, Iraka, masoivoho, mpanao raharaha. — du gouvernement. *Iraka,* etc., ny fanjakana. Il est — d'une riche maison. *Iraka,* etc., ny kompania anankiray manankarena izy. ‖ *loc.* — de change. Mpivarotra ny zana-bola omen'ny fanjakana na ny kompania anankiray, mpivarotra taratasy vola, mpanakalo farantsa.

AGGLOMÉRATION, *sf.* Fifanizinana, fanavosana, fiavosana, fanavovonana, fiavovonana.

AGGLOMÉRÉ, ÉE, *p.* et *adj.* Mifanizina, navosaina, miavosa, navovona, miavovona. La population de la capitale est très agglomérée. *Mifanizina* ny mponina ao amy ny renivohitra.

AGGLOMÉRER, *va.* Mampifanizina, mampiavosa, mampiavovona.

S'agglomérer, *vpr.* Mifanizina miavosa, miavovona. Le sable s'est aggloméré dans les rizières. *Niavosa, niavovona* tany an-tanimbary ny fasika.

AGGLUTINATION, *sf.* Fanakambanana, fikambanana, fanambarana, fitambarana.

AGGLUTINER, *va.* Manakambana ny nofo na ny hoditra naratra, manambatra—.

S'agglutiner, *vpr.* Mikambana, mitambatra.

AGGRAVANT, ANTE, *adj.* Mampitombo, manamafy. Il a été condamné à mort à cause des circonstances aggravantes. Voaheloka ho faty izy noho ny zavatra sasany *nampitombo, nanamafy* ny helony.

AGGRAVATION, *sf.* Fampitomboana, fitomboana, fanamafisana, fandentebana. Il a eu une — de peine pour s'être enfui. Ny nandosirany *nampitombo, nanamafy,nandentika* ny fanamelohana azy.

AGGRAVER, *va.* Mampitombo, manamafy, mandentika. Vos reproches aggravent mon malheur. Ny faninianao *mampitombo, manamafy* ny fahoriako.

S'aggraver, *vpr.* Mitombo, mihamafy. La maladie s'est aggravée. *Nitombo, nihamafy* ny aretina.

AGILE, *adj.* Mailaka, mavitrika, mivikiviky. Le chat est très —. *Mailaka* dia *mailaka* ny saka. Il est — dans tout ce qu'il fait. *Mailaka, mavitrika* amin' izay rehetra ataony izy.

AGILEMENT, *adv.* Am-pahamailahana.

AGILITÉ, *sf.* Hamailahana, havitrihana, fivikiviky. Il saute avec —. *Mailaka* izy raha mitsambikina. Il marche avec —. *Mailaka, mavitrika* izy raha mandeha, *mivikiviky* izy.

AGIO, *sm.* Sandam-bola.

AGIOTAGE, *sm.* Fivarotana ny zanabola omen' ny fanjakana-na ny kompania anankiray, fivarotana ny taratasy vola, fanakalozana farantsa.

AGIOTER, *vn.* Mivarotra na mividy ny zana-bola omen' ny fanjakana na kompania anankiray, mivarotra ny taratasy vola, manakalo farantsa.

AGIOTEUR, *sm.* Mpivarotra na mpividy ny zana-bola omen' ny fanjakana, etc.

AGIR, *vn.* 1° Manao raharaha, miasa, manao. Il agit continuellement. *Manao raharaha, miasa* mandrakariva izy. Il faut — et non délibérer. Tokony *hanao* fa tsy handinidinika. Il a mal agi envers moi. *Nanao* ratsy tamiko izy. J'agis dans votre intérêt. *Manao* izay mahasoa anao aho. 2° —, Manao toetra, mitoetra, misary, mivoatra. Il agit en prince. *Manao toetr'*andriana, *mitoetr'*andriana izy. Il agit en homme vertueux. *Manao toetr'* olona tsara fanahy, *mitoetr'* olona tsara fanahy izy. Il agit en fou. *Misarin'* adala, *mivoatr'* adala izy. 3° —, Manan-kery, mahery, miasa, mahatarika, mahataona. C'est un remède qui agit puissamment. *Manan-kery* lehibe, *mahery* dia *mahery* io fanafody io. Le remède a agi. *Niasa* ny fanafody. L'éloquence agit sur les esprits. Ny fahaiza-mandaha-teny *mahatarika, mahataona* ny olona. 4° —, Mitory,miampanga amy ny mpitsara. — contre quelqu'un. *Mitory, miampanga* olona.

Il s'agit, *v. imp.* Raharaha, raharahaina. De quoi s'agit-il? *Raharaha* inona, inona no *raharaha*ina? Il s'agit d'une affaire de famille. *Raharaham*-planakaviana izany.

AGISSANT, ANTE, *adj.* 1° Manao raharaha, miasa, manao. 2° —, Manankery, mahery.

AGITATEUR, *sm.* Mpandrendri-bahoaka, mpampikorontam-bahoaka.

AGITATION, *sf.* 1° Fihetsiketsika, fihetsiketsehana, fanonja, fisamboaravoara, fitopatopa, fihevingevina, fihilangilana, fikopakopaka, fikobana, fihavatravatra, fitrifantrifana. 2° *fig.* Fanahiana. 3°—, Fikorontanana, fikorontana, tabataba, fitabataba, fitabatabana.

AGITÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Voahetsiketsika, nohetsiketsehina, mihetsiketsika, manonja, misamboaravoara, mitopatopa, voahevingevina, nahevingevina, mihevingevina, voahilangilana, nahilangilana, mihilangilana, voakopaka, nakopaka, mikopaka, nahofa, voahontsankontsana, nahontsankontsana, voakobana, nokobanina, mikobana, mihavatravatra, mitrifantrifana. 2° *fig.* Manahy. 3°—, Voakorontana, nokorontanina, mikorontana, voatabatabâ, notabatabaina, mitabataba. 4°—, Voadinika, nodinihina,

AGITER, *va.* 1° Manetsiketsika, mampihetsiketsika, mampanonja, mampisamboaravoara, mampitopatopa, maneyin-

gevina, mampihilangilana, manilangilana, manakopaka, manofa, manontsankontsana, manakobana. Les vents agitent la mer. Ny rivotra *manetsiketsika, mampihetsiketsika*, *mampanonja*, *mampisamboaravoara*, *mampitopatopa* ny ranomasina. Les vagues agitent le vaisseau. Ny onjan-dranomasina *mampihetsiketsika, manevingevina, mampihilangilana*, *manilangilana* ny sambo. Agitez le chapeau pour appeler notre ami. *Kopaho, hofao* satroka ny sakaizantsika. Agitez le remède avant de le boire. *Ahontsankontsano, kobano* ny fanafody alohan' ny hisotroana azy. 2° *fig.* Mampanahy. Cette crainte l'agite. *Mampanahy* azy izany tahotra izany. 3° —, Mampikorontana, mampitabataba.— la foule. *Mampikorontana*, etc., ny vahoaka. 4°—, Mandinika.— une question. *Mandinika* raharaha anankiray.

S'agiter, *vpr.* 1° Mihetsiketsika, manonja, misamboaravoara, mitopatopa, mihevingevina, mihilangilana, mikopakopaka, mikobana, mihavatravatra, mitrifantrifana. Le cheval s'agite. *Mihavatravatra, mitrifantrifana* ny soavaly. 2° *fig.* Manahy. 3°—, Mikorontana, mitabataba. 4°—, Dinihina.

AGNEAU, *sm.* 1° Zanak'ondry, henanjanak'ondry. 2° *fig.* Olona malemy fanahy.

AGONIE, *sf.* Fiadiana aina. Il est à l'—. *Miady aina*, efa mby am-bavahoana izy.

AGONISANT, ANTE, *adj.* Miady aina, mby am-bavahoana.

AGONISER, *vn.* Miady aina, mby ambavahoana.

AGRAFE, *sf.* Zaigirafy.

AGRAFER, *va.* Mampiditra zaigirafy.

AGRAIRE, *adj.* Momba ny fizaran-tany. Lois agraires. Lalána *momba ny fizaran-tany.*

AGRANDIR, *va.* 1° Manabe, manalehibe, manalalaka, manitatra, mampitombo. mahalava.— une maison, un emplacement. *Manabe, manalehibe, manalalaka, manitatra, mampitombo* ny trano, ny tokotany. Ce roi a agrandi ses Etats. Izany mpanjaka izany *nanitatra, nampitombo* ny fanjakany. Ce vêtement agrandit la taille. *Mahalava* olona io fitafiana io. 2° *fig.* Manitatra, mampitombo. Il agrandit ce qu'il raconte. *Manitatra* ny zavatra tantarainy izy. La lecture agrandit les idées. *Mampitombo* ny saina ny famakiam-boky.

S'agrandir, *vpr.* Mihalehibe, mihalalaka, mitatra, mitombo.

AGRANDISSEMENT, *sf.* Fanalehibeazana, halehibeazana, habe, fanalalahana, halalahana, fanitarana, fitarana, fampitomboana, fitomboana.

AGRÉABLE, *adj.* Mahafinaritra, mahafaly, ankasitrahana. Personne —. Olona *mahafinaritra*, etc. Campagne —. Saha *mahafinaritra.*

—, *sm.* Ny mahafinaritra. Il faut préférer l'utile à l'—. Aleo ny mahasoa toizay *ny mahafinaritra.*

AGRÉABLEMENT, *adv.* Mahafinaritra. Il parle —. *Mahafinaritra* ny fiteniny.

AGRÉÉ, ÉÉE, *p.* Nekena, sitraka, nankasitrahana, nankatoavina.

AGRÉER, *va.* Manaiky, mankasitraka, mankató. Dieu agrée nos prières. *Ekena, ankasitrahan'* Andriamanitra ny fangatahantsika. J'agrée votre proposition. *Ekeko, ankasitrahako, sitrako, ankatoaviko* ny hevitra aposakao.

—, *vn.* Mahafinaritra, mahafaly, ankasitrahana,

AGRÉGATION, *sf.* 1° Fandraisana ho isan'ny fikambanana anankiray, 2°—, Fitambarana. L'âme n'est pas une — de parties. Ny fanahy dia tsy *fitambaranjavatra* maro.

AGRÉGER, *va.* Mandray ho isan'ny fikambanana anankiray.

AGRÉMENT, *sm.* 1° Hafinaritra. Les agréments de la campagne, du langage, du visage. Ny *hafinaritry* ny any antsaha, — ny fiteny, — ny tarehy. 2°—, Fanekena, fankasitrahana. Vous ne pouvez pas agir ainsi sans l' — de votre père. Tsy mahazo manao izany hianao raha tsy *ekena, ankasitrahan'*ny rainao.

AGRÈS, *sm.* Fomban-tsambo.

AGRESSEUR, *sm.* Mpihaika, mpihatsy, mpanomboka ady, mpamely aloha.

AGRESSIF, IVE, *adj.* Mihaika, mihatsy. Paroles agressives. Teny *mihaika,* etc.

AGRESSION, *sf.* Fihaikana, fihatsiana, fanombohana ady, famelezana.

AGRESTE, *adj.* 1° Lava volo, be ala. Lieu —. Tany *lava volo, be ala* 2° *fig.* Tonendrina. Il a des manières agrestes. *Tonendrina* izy.

AGRICOLE, *adj.* 1° Miasa tany, mamboly. C'est une population —. *Mpiasa tany, mpamboly* ireo mponina ireo. 2°—, Momba ny voly, — ny saha.

AGRICULTEUR, *sm.* Mpiasa tany, mpamboly.

AGRICULTURE, *sf.* Fiasan-tany, fambolena.

AGRIFFER (S'), *vpr.* Mamahatra, mamikitra. Le chat s'agriffa aux rideaux de la fenêtre. Ny saka *namahatra, namikitra* tamy ny lambam-baravaran-kely.

AGRONOME, *sm.* Mpahay fomban' ny fambolena.

AGRONOMIE, *sf.* Fahaizana ny fomban' ny fambolena.

AGUERRIR, *va.* 1° Mahazatra hiady. Ce général sut — promptement ses troupes. Nalaky *nahazatra* hiady ny miaramilany io jeneraly io. 2° *fig.* Mahazatra.

S'aguerrir, *vpr.* 1° Mihazatra hiady. 2° *fig.* Mihazatra. Il s'aguerrit à la fatigue. *Mihazatra* mba hiaritra ny hasasarana izy.

AGUETS, *sm. pl.* Etre aux —. Mitsikilo, mitily, mikendry, mitady. Voy. Affût.

AH! *int.* Adre! endrey! a! —! que cela est beau! *Adre!* mahafinaritra izany! —! que vous me faites de la peine! *A! endrey!* mampalahelo ahy loatra hianao!

AHEURTEMENT, *sm.* Di-doha, kiry, kiribiby.

AHEURTER (S'), *vpr.* Mikiry, mikiribiby.

AHI! *int.* Comme Aïe.

AHURI, IE, *adj.* Very hevitra, sanganehana.

AHURIR, *va.* Mahavery hevitra, mahasanganehana.

AIDE, *sf.* Fanampiana, vonjy, fitahiana. Il est venu à mon —. *Nanampy, namonjy* ahy izy. Mon Dieu, venez à mon —. Ry Andriamanitra, *ampio, vonjeo, tahio* aho. Dieu seul est ma force et mon —. Andriamanitra irery hiany no heriko sy *vonjiko.*

A l'aide de, *loc. adv.* Amy, forme relative. Je l'ai fait à l'— d'un fer. Vy no *nanaovako* izany, nataoko *tamy* ny vy izany.

AIDE, *sm.* Mpanampy.

AIDE-DE-CAMP, *sm.* Deká.

AIDER, *va.* Manampy, mamonjy, mitahy. — les pauvres. *Mamonjy* ny mahantra. Aidez-moi à récolter mon riz. *Ampio, vonjeo* amy ny fanaovam-bary aho. Dieu aidant. Raha *tahin'* Andriamanitra.

S'aider, *vpr.* 1° Mifanampy, mifamonjy. 2° —, Manao izay tratry ny aina. Aide-toi et le ciel t'aidera. *Ataovy izay tratry ny ainao,* ary Andriamanitra hitahy anao. 3° —, Manao. Il ne s'aide pas du bras droit. Ny sandry havanana tsy *anaovany,* tsy *manao* amy ny sandry havanana izy. Voy. Se servir.

AÏE! *int.* Indrisy! dre! dredredredre! dray! ay! — vous me blessez! *Indrisy!* etc., mandratra ahy hianao.

AÏEUL, *sm.* Raibe.

Les aïeux, *pl.* Ny razana, ny ntaolo.

AÏEULE, *sf.* Renibe.

AIGLE, *sm.* 1° Egla, voro-mahery ngeza. 2° *fig.* Olona lalin-tsaina.

—, *sf.* Saina. Les aigles romaines. Ny *saina* romana.

AIGLON, *sm.* Zanaky ny egla.

AIGRE, *adj.* 1° Marikivy, handatra, maisatra. Vin—. Divay *marikivy,* etc. 2° —, Mikiririoka. Il a une voix —. *Mikiririo*-peo izy. 3° *fig.* Sarotra, mafy, maharary, manindrona. Paroles aigres. Teny *sarotra,* etc. ‖ *loc.* Qui sent l'—. Mavao.

AIGRE-DOUX, OUCE, *adj.* 1° Sady marikivy no mamy. 2° *fig.* Il a des paroles aigres-douces. Mody tsy mamely izy.

AIGRELET, ETTE, *adj.* Marikivy, handatrandatra, maisamaisatra.

AIGREMENT, *adv.* An-kasarotam-pó. Répondre—. Mamaly *an-kasarotam-pó.*

AIGRETTE, *sf.* 1° Sangam-borona. 2°—, Volom-borona haingon-tsatroka. 3°—, Vorompotsy.

AIGREUR, *sf.* 1° Faharikivy, habandatra, hamaisatra. 2° *fig.* Hasarotam-pó.

AIGRIR, *va.* 1° Mamparikivy. La chaleur aigrit le lait. Ny hafanána *mamparikivy* ny ronono. 2° *fig.* Mahasosotra, mampitombo. Les paroles dures aigrissent. Ny teny mafy *mahasosotra.* Cela ne fait qu'— sa douleur. *Mampitombo* ny alahelony izany.

—, *vn.* et **s'aigrir,** *vpr.* 1° Mihamarikivy, mihamaisatra. Le vin s'aigrit. *Mihamarikivy,* etc., ny divay. 2° *fig.* Mihasosotra, mitombo. Son caractère s'aigrit. *Mihasosotra* izy.

AIGU, UË, *adj.* 1° Mipilopilo, maranitra, kitsoloha. Lance aiguë. Lefona *maranitra,* etc. 2° *fig.* Mikiakiaka, minananána, mampangiririfiry. Voix aiguë, Feo *mikiakiaka, minananána.* Douleur aiguë. Fijaliana *mampangiririfiry.*

AIGUIÈRE, *sf.* Jogy.

AIGUILLE, *sf.* 1° Fanjaitra, tsaika, tsiverianala. Cette— est trop fine. Madinika loatra io *fanjaitra* io. Grosse— pour coudre les joncs des toits malgaches. *Tsaika, tsiverianala.* 2°—, Sahaza. Grande — de montre. *Sahazabempamantaranandro.*

AIGUILLÉE, *sf.* Tapa-kofehy, tapa-taretra. Donnez-moi deux aiguillées de fil. Omeo *tapa-kofehy,* etc., roa aho.

AIGUILLON, *sm.* 1° Fitsindrona. 2°—, Motiny. L'abeille a laissé l'— dans la piqûre. Ny renitantely namela ny *motiny* tao amin' izay nolefoniny. 3° *fig.* Famporisihana. La gloire est un puissant—. Ny voninahitra dia *famporisihana* mahery.

AIGUILLONNER, *va.* 1° Manindrona.—un bœuf. Manindrona omby. 2° *fig.* Mamporisika. — un paresseux. *Mamporisika* ny kamo.

AIGUISEMENT, *sm.* Fandranitana, fanasana, fakana maso.

AIGUISER, *va.* 1° Mandranitra, manasa, maka maso. — une lance. *Mandranitra, manasa* lefona. — un couteau. *Mandranitra,* etc., antsy. Pierre à —. *Vatoasana.* 2° *fig.* Mampaharanitra, mampazoto, L'étude aiguise l'esprit des enfants. Ny fianarana *mampaharani*-tsaina ny ankizy madinika. Le froid aiguise l'appétit. *Mampazoto* homana ny hatsiaka.

AIL, *sm,* Tongolo gasy.

AILE, *sf.* 1° Elatra. 2°—, Tánana, vazany, sofina, paosy. — de moulin à vent. *Tánamilina* ahodin-drivotra. Les ailes d'une armée. Ny *vazan*-tafika. L' — droite d'un armée. Ny *vazan-tafika* havanana. — de chapeau. *Sofin*-tsatroka. — de bâtiment. *Paosin*-trano. 4°. *fig.* Felatánana. Elle est encore sous l' — de sa mère. Mbola ao am-*pelatánan'* ny reniny izy.

AILÉ, ÉE, *adj.* Manana elatra. Fourmis ailées. Vitsika *manana elatra.*

AILERON, *sm.* Tendron'elatra.

AILLADE, *sf.* Lasaosy nasiana tongolo gasy.

AILLEURS, *adv.* Amy ny fitoerana hafa, amy ny tany hafa, anihoany, etc. Mettez-vous—. Mipetraha *amy ny fitoerana hafa,* — *anihoany* hianao. Cette lettre vient d' —. Avy *amy ny tany hafa* ity taratasy ity.

D'ailleurs, *loc. adv.* 1° Misy antony hafa. Mon amitié pour lui vient d'—. Ny fitiavako azy *misy antony hafa.* 2°—, Mbola. Je vous dirai d'—. *Mbola* holazaiko aminao.

AIMABLE, *adj.* Mahatehotia, tokony hotiana, malemy fanahy. La vertu est —. *Mahatehotia, tokony hotiana* ny hatsaram-panahy. Homme —. Lehilahy *mahatehotia.* Il est — avec tout le monde. *Malemy fanahy* amy ny olon-drehetra izy.

AIMANT, *sm.* 1° Andriambý. 2° *fig.* Mahatarika, mahataona. La vertu est un —. *Mahatarika,* etc., ny hatsarampanahy.

AIMANT, ANTE, *adj.* Tia.

AIMANTER, *va.* Mamindra ny herin' ny andriam-bý,

AIMER, *va.* Tia, Il aime ses enfants. *Tia* ny zanany izy. Il aime à se promener au bord du lac. *Tia* fitsangatsanganana ao amorom-parihy izy. Qui bien aime, bien châtie. Izay *tia* tokoa dia mananatra.

S'aimer, *vpr.* 1° Tia tena. 2°—,Mifankatia.

AINE, *sf.* Teta.

AÎNÉ, ÉE, *adj.* et *s.* Zoky, lahimatoa, vavimatoa. C'est mon —. Zokiko izy. C'est ma sœur ainée. Anabaviko *vavimatoa* izy. Son fils—. Ny zanany *lahimatoa.* Il est mon — de cinq ans. *Zokiko* dimy taona izy.

AÎNESSE, *sf.* Fizokiana. Esaü vendit son droit d'— à Jacob. Esao nivarotra ny *fizokiany* taminy Jakoba.

AINSI, *adv.* 1° Tahaka izany, toy izao, hoe, izy, forme relative. Ce n'est pas —. Tsy *tahaka izany* tsy akory. L'orateur parla—. Ny mpandaha-teny nilaza *toy izao,* nanao *hoe.* S'il en est—. Raha izany no *izy.* Comme le soleil chasse les ténèbres,— la science chasse l'erreur. Toy ny androahan' ny masoandro ny maizina no *anesoran'* ny fahaizana ny hadisoana. 2°—, Amin' izany, izany.— je conclus que.... *Amin' izany* izao no fara-teniko.— vous refusez. Mandá hianao *izany.* || *loc.* — soit-il. Aoka ho tanteraka izany.

Ainsi que, *conj.* 1° Sy. Le roi — que le peuple. Ny mpanjaka *sy* ny vahoaka. 2° —, Araka izay. — que je l'ai dit. *Araka izay* voalazako.

AIR, *sm.* 1° Aera, rivotra, tsio-drivotra. L'— est plus léger que l'eau. Maivana kokoa noho ny rano ny *aera.* L'— que

nous respirons. Ny *rivotra* iainantsika. Changer d'—, prendre l'—. Maka *rivotra*. Il n'y a pas d'—. Tsy misy *rivotra, tsio-drivotra*. || *loc.* Exposer à l'—. Manahy. Etre à l'—. Mihahy. 2° —, Habakabaka. Le ballon est monté rapidement dans les airs. Niakatra faingana tamy ny *habakabaka* ny balóna. 3° —, Hira, kalo, vazo. Chantez-nous un —joyeux. Anaovy *hiram*-pifaliana izahay. || *loc.* — national. Sidikína. 4° —, Endrika, toetra, tarehy, toa, fifandraihana. Avoir l'— noble. *Miendrik'* andriana, *mitoetr'* andriana. Il a l'— d'un fou. *Mitoetr'* adala, *mitarehin'* adala, *toa* adala izy. Avoir un — riant. Miramirana *endrika*, — *tarehy*. Cette viande à l'— d'être fraiche. *Endriky* ny hena vao, *toa* hena vao io hena io. Avoir un — de famille. *Mifandraidraika* hoatry ny mpihavana. || *loc.* Avoir l'— triste. Manjonitra, manjoretra. Se donner des airs. Mihambohambo foana, manandriandriantena foana.

En l'air, *loc. adv.* Kitoatoa, Parler en l'—. Miteny kitoatoa.

AIRAIN, *sm.* 1° Halimo. 2° *fig.* Tafondro. L'— gronde. Mirohondrohona ny *tafondro*. || *loc.* Ciel d'—. Andro migaingaina. Avoir un front d'—. Tsy valahara, tsy vaky atatra. Avoir un cœur d'—. Mafy fo, fo vato.

AIRE, *sf.* 1° Famoloana. 2° —, Habe. L'— d'un champ, d'un plancher. Ny *haben'* ny tanimboly, ny rihana. 3° —, Trano. L'—d'un milan. *Tranom*-papango.

AIS, *sm.* Hazo fisaka.

AISANCE, *sf.* 1° Fahamorana, fahaizana, fisononohana, tsy fananosarotra. Il porte ce fardeau avec —. *Moramora* ny itondrany io entana io. Il parle avec —. *Misononoka* ny fiteniny, *tsy mananosarotra* izy raha miteny. 2°—, Fiadanana. Il vit dans l'—. *Miadana* izy. || *loc.* Lieux d'aisances. Comme Latrines.

AISE, *sf.* 1° Hafaliana. Tressaillir d'—. Mientanentan-*hafaliana*. 2°—, Fiadanana. Il est à son —, *Miadana* izy. Chercher ses aises, Mitady *fiadanana*. || *loc.* Se coucher à son —. Mitsivetraka. Mettre quelqu'un à son —. Manala henatra olona. Se mettre à son—. Tsy menatra, miangolangola.

—, *adj.* Faly. Il ne sera pas bien — de me voir. Tsy ho *faly* izy raha mahita ahy.

AISÉ, ÉE, *adj.* 1° Mora, misononoka, tsy mananosarotra, malalaka. Voilà le chemin le plus—. Itsy ny lálana *mora* indrindra. Il a les manières aisées. *Tsy mananosarotra* izy. Un habit—. Akanjo *malalaka*. 2°—, Miadana, C'est un homme—. Olona *miadana* izy.

AISÉMENT, *adv.* Moramora, misononoka, tsy mananosarotra.

AISSELLE, *sf.* Helika. Porter sous l' —. *Misakelika.*

AJOURNEMENT, *sm.* Fampihemorana andro, fanemorana.

AJOURNER, *va.* Mampihemotra andro, manemotra. L'affaire à été ajournée. *Nampihemorina, nahemotra* ny raharaha.

AJOUTAGE, *sm.* Tovana, tovona, fanampy.

AJOUTER, *va.* Manovana, manovona, manampy. Ajoutez cinq feuilles au cahier. *Ampio* ravin-taratasy dimy ny boky. Il ajoute à mon récit. *Manampy* izay notantaraiko izy. Je n'ajouterai rien à ce que je viens de dire. Tsy *hanampy* intsony izay efa voalazako aho. || *loc.* —foi. Mino.

S'ajouter, *vpr.* Miampy. De nouvelles affaires viennent s'— aux anciennes. *Miampy* eo hiany ny raharaha.

AJUSTÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Nohamarinina. 2°—, Nampifanarahina, mifanaraka, nampiadina, miady, natsetaka, mitsetaka, voarafitra, narafitra, mirafitra, namboarina. 3°—, Voakendry, nokendrena, 4°—, Nampihaingoina, mihaingo.

AJUSTEMENT, *sm.* 1° Fampifanarahana, fampiadiana, fampitsetahana, fandrafetana. 2°—, Haingo.

AJUSTER, *va.* 1° Manamarina. — les poids d'une balance. *Manamarina* ny vatomizana. 2°—, Mampifanaraka, mampiady, mampitsetaka, mandrafitra, manamboatra. — une clef à une serrure. *Mampifanaraka* ny fanalahidy amy ny reniny. — un couvercle à une boite. *Mampiady, mampitsetaka* ny sarony amy ny vata. — une machine. *Mandrafitra* milina. — un différend. *Manamboatra* adin'olona. 3°—, Mikendry. — une tourterelle. *Mikendry* domohina (amy ny basy). 4°—, Mampihaingo. Cette femme de chambre ne sait pas — sa maîtresse. Io mpanompovavy io tsy mahay *mampihaingo* ny tompovaviny.

S'ajuster, *vpr.* 1° Mifanaraka, miady, mitsetaka. 2°—, Mihaingo.

ALAMBIC, *sm.* 1° Lalambika, fanasitiliana. 2° *fig.* Passer une affaire à l'—. Mamotopototra raharaha anankiray.

ALAMBIQUÉ, ÉE, *adj.* Saro-pantarina. Discours —. Laha-teny saro-pantarina.

ALAMBIQUER, *va.* Manasa-poana ny saina, milaza zavatra saro-pantarina.

S'alambiquer, *vpr.* S'— l'esprit. Misasa-poana handinika zavatra saro-pantarina.

ALARMANT, ANTE, *adj.* Mahataitra, manaitra, mampivadi-pó, mampanahy, mahabe ahiahy.

ALARME, *sf.* 1° Taitra. Donner l'—. *Mampitaitra.* Sonner l'—. Miantso hamonjy *taitra.* 2°—, Hatairana, fivadihampó, fanahiana, ahiahy. L'— abat les esprits. Ny *hatairana,* ny *fivadiham-pó* mampianána ny olona. Il se laisse aller à de folles alarmes. *Manahy,* be *ahiahy* foana izy.

ALARMER, *va.* Mahataitra, manaitra, mampivadi-pó, mampanahy. La maladie de sa mère l'a fort alarmé. Ny aretin' ny reniny *nahataitra, nampivadi-pó, nampanahy* azy mafy.

S'alarmer, *vpr.* Taitra, mivadi-pó, manahy. Il s'alarme pour un rien. *Taitra,* etc., amy ny zavatra madinika, *tai*-drompotra, *tai*-dronono mandroatra izy.

ALARMISTE, *sm.* Mpampitaitra foana, mpampivadi-pó foana.

ALBÂTRE, *sm.* 1° Karazam-bato fotsy manganohano. 2° *fig.* Fotsy mangatsakatsaka.

ALBATROS, *sm.* Karazam-borona any amy ny ranomasina atsimo.

ALBINOS, *sm.* Bobo.

ALBUM, *sm.* Alboma, boky fanangonantsary.

ALBUMINE, *sf.* Tapotsin'atody, zavatra mitovy amy ny tapotsin' atody.

ALBUMINEUX, EUSE, *adj.* Hoatry ny tapotsin'atody, misy *albumine.*

ALCALI, *sm.* Alikalý. || — volatil. Amoniaka.

ALCALIN, INE, *adj.* Momba ny alkalý.

ALCHIMIE, *sf.* Fahaizana tsy nisy fotony mba hanova ny metaly.

ALCHIMIQUE, *adj.* Momba ny *alchimie.*

ALCHIMISTE, *sm.* Mpanao *alchimie.*

ALCOOL, *sm.* Alokola.

ALCOOLIQUE, *adj.* Misy alokola.

ALCOOLISER, *va.* Manisy alokola.

ALCÔVE, *sf.* Efi-pandriana, komby.

ALÉATOIRE, *adj.* An-kinanga, kitoatoa. Vente —. Varotra *an-kinanga,* etc.

ALÈNE, *sf.* Haolo.

ALENTOUR, *adv.* Manodidina. Le pays d'—. Ny tany *manodidina.*

Alentours, *sm. pl.* Ny manodidina. Les — de la ville sont remplis d'arbres. Rakotra hazo ny *manodidina* ny tanána.

ALERTE, *sf.* Fanairana, hatairana, fampivadiham-pó, fivadiham-pó. Donner une —. *Manaitra, mampitaitra, mampivadi-pó.*

—, *adj.* 1° Mailaka, mavitrika, C'est un enfant—. Zaza kely *mailaka,* etc., izy. 2°—, Mitandrina. Il est toujours —. *Mitandrina* lalandava izy.

—, *int.* Mitsangána! mitandrema! tandremo!

ALEZAN, ANE, *adj.* et *s.* (Soavaly) mavomena, volom-boahangy.

ALGARADE, *sf.* Fandevilevena foana. Faire une —. *Mandevilevy foana.*

ALGÈBRE, *sf.* Aljebra.

ALGÉBRIQUE, *adj.* Momba ny aljebra.

ALGÉBRISTE, *sm.* Mpahay aljebra.

ALGUE, *sf.* Ahi-drano, volon-kotona.

ALIÉNABLE, *adj.* 1° Azo amidy. 2°—, Azo afoy.

ALIÉNATION, *sf,* 1° Fivarotana. 2° —, Fahafoizana. 3° *fig.* Tsy filankatiavana. || *loc.* — mentale. Hadalana, haverezantsaina.

ALIÉNÉ, ÉE, *s.* Adala lefaka, adala lefy.

ALIÉNER, *va.* 1° Mivarotra. Le gouvernement ne veut pas — la grande forêt. Ny fanjakana tsy mety *mivarotra* ny alabe. 2—, Mahafoy. Il est beau d'aliéner sa liberté au service de Dieu. Tsara dia tsara ny *mahafoy* ny sitra-pony mba hanompo an' Andriamanitra. 3° *fig.* Tsy itiavana. Sa conduite lui aliène tous les esprits. Ny fitondran-tenany no *tsy itiavan*'ny olon-drehetra azy.

ALIGNÉ, ÉE, *p.* Voahitsy, nahitsy, mahitsy, mifanitsy, voalahatra, nalahatra, milahatra.

ALIGNEMENT, *sm.* 1° Fanitsiana, fihitsiana, fihitsy, fandaharana, filaharana, filahatra. 2°—, Marika fampifanitsia-

na trano. Donner l'—. Manome ny *marika fampifanitsiana trano.*

ALIGNER, *va.* 1° Manitsy, mampifanitsy, mandahatra. —des troupes. *Manitsy,* etc., miaramila. — des arbres. *Mampifanitsy* hazo. 2° *fig.* — ses mots. Manangoso fiteny.

S'aligner, *vpr.* Mihitsy, mifanitsy, milahatra.

ALIMENT, *sm.* 1° Hanina. Le pain est un bon—. *Hanina* tsara ny mofo. 2° *fig.* Famelomana, fiasana. Le bois est l'— du feu. Ny kitay hazo *mamelona* ny afo. Donner de l'— à son esprit. *Mampiasa* ny sainy.

ALIMENTAIRE, *adj.* Azo hanina, fihinana. Substances alimentaires. Zavatra *azo hanina, fihinana.*

ALIMENTATION, *sf.* Fivelomana.

ALIMENTER, *va.* 1° Ivelomana. Le marché ne fournit pas de quoi — la ville. Ny ao an-tsena tsy ampy *iveloman'* ny tanána. 2° *fig.* Mamelona. L'huile alimentait l'incendie. Ny solika *namelona* ny hain-trano.

ALINÉA, *sm.* Andininy.

ALITÉ, ÉE, *p.* Mandry, nalamaka, mandamaka, nahonaka, tafahonaka, mihonaka.

ALITER, *va.* Mampandry, mampandamaka, mampihonaka. La fièvre l'a alité pendant un mois. Ny tazo *nampandry,* etc., azy nandritra ny iray volana.

S'aliter, *vpr.* Mandry, mandamaka, mihonaka.

ALIZÉS, *adj. m. pl.* Vents—. Rivotra mifofofofo mandrakariva avy any atsinanana amy ny ranomasina atsimo.

ALLAITEMENT, *sm.* Fampinonoana.

ALLAITER, *va.* Mampinono.

ALLANT, ANTE, *adj.* et *s.* Mandeha, mpandeha. || *loc.* Les allants et les venants. Ny mpandalo.

ALLÈCHEMENT, *sm.* Fitarihana.

ALLÈCHER, *va.* Mitarika.

ALLÉE, *sf.* Arabe anaty zariday, arabe alokalofan' ny hazo. || *loc.* Allées et venues. Fiverimberenana, fivoivoizana.

ALLÉGATION, *sf.* 1° Fakana ho vavolombelona. 2°—, Filazana.

ALLÉGEMENT, *sm.* 1° Fanamaivanana. 2° *fig.* Fanaketrahana, fampitoniana, fampiononana.

ALLÉGER, *va.* 1° Manamaivana. Il a allégé mon fardeau. *Nanamaivana* ny entako izy. 2° *fig.* Manamaivana, manaketraka, mampitony, mampionona. Vos paroles allègent ma douleur. Ny teninao *manamaivana,* etc., ny alaheloko.

S'alléger, *vpr.* Mihiamaivana.

ALLÉGORIE, *sf.* Fanoharana.

ALLÉGORIQUE, *adj.* Misy fanoharana.

ALLÉGORIQUEMENT, *adv.* Am-panoharana.

ALLÈGRE, *adj.* Mailaka, mavitrika, mariadriaka, falifaly, ravoravo.

ALLÉGRESSE, *sf.* Hafalian-dehibe, firavoravoana, firobirobiana.

ALLÉGUER, *va.* 1° Maka ho vavolombelona. Pour défendre son erreur, il a allégué un passage de saint-Paul. Mba hanamarina ny hadisoany, *naka* ny teniny masin-dahy Paoly *ho vavolombelona* izy. 2° —, Milaza. Il a allégué sa mauvaise santé pour ne pas faire la corvée. *Nilaza* narisarisa izy mba tsy hanao fanompoana.

ALLÉLUIA, *sm.* Aleloia ; derao Andriamanitra.

ALLEMAGNE, *sf.* Germania.

ALLEMAND, ANDE, *adj.* et *s.* Germana. || *loc.* Querelle d'—. Voatsiary, akisa, sotasota, vaniny, tonony.

ALLER, *vn.* 1° Ho any, ho aiza, mankaiza, mankany, mandeha, lasa, momba. Où allez-vous? *Ho aiza, hankaiza* hianao? J'irai demain à Ambohimanga. *Ho any* Ambohimanga aho rahampitso. Il est allé à la forêt. *Lasa* any, *nankany* an' ala, nianala izy. Le pays où vous allez est très fiévreux. Be tazo ny tany izay *halehanao. handehananao.* L'âne va lentement. *Mandeha* miadana ny ampondra. Cette montre va trente heures. *Mandeha* mandritra ny adim-pamantaranandro telopolo io famantaranandro io. J'irai par terre. *Handeha, homba* antanety aho. Où va co chemin? Il va à Tamatave. *Mankaiza* izany lálana izany? *Mankany* Toamasina izy. 2°—, Mandroso, mandalo, maharitra. Cette besogne va vite. *Mandroso* haingana izany raharaha izany. Le commerce va. *Mandroso* ny varotra. Rien ne va plus vite que le temps. Tsy misy *mandalo* haingana tahaka ny andro. Son discours n'ira qu'à une demi-heure. Tsy *haharitra* afatsy adim-pamantaranandro iray ny laha-teniny. 3°—, Mihatra, mipaka, misondrotra, mitohika, miankina. Les priè-

res vont à Dieu. *Mihatra* hatrany amin' Andriamanitra ny fivavahana. Ces paroles vont au cœur. *Mihatra* amy ny fo ireo teny ireo. La forêt va depuis le village jusqu'à la rivière. Ny ala *mihatra, mipaka* amy ny vohitra ka hatramy ny renirano. Cette montagne va jusqu' aux nues. *Misondrotra* hatrany amy ny rahona io tendrombohitra io. Ses cheveux lui vont jusqu'à la ceinture. *Mitehika* hatrany amy ny valahany ny volon-dohany. Il y va de votre vie. *Mihatra, miankina* amy ny ainao izany. 4°—, Mifanaraka, mitsetaka, manendrika, antonina. Cette clef va à cette serrure. *Mifanaraka* amin'io hidin-trano io ity fanalahidy ity. Ce chapeau me va bien. *Mitsetaka* tsara amy ny lohako, *manendrika, antonina* ahy ity satroka ity. Ce ruban va bien à votre chapeau. *Manendrika* ny satrokao io ribà io. 5°— Efa ho... mila ho... Je vais me marier. *Efa* hanambady aho. Ce mur va s'ecrouler. *Efa, mila* hianjera io ampiantany io. || *loc.* Comment allez-vous? Je vais bien. Manao ahoana hianao? Tsara hiany aho. Je vais mal. Marary aho. Comment va le commerce? Manao ahoana ny varotra. N'allez pas vous imaginer que... Aza ataonao fa... —au marché. Miantsena. —à la forêt. Mianala. —par eau, —par mer. Miondrana. — à cheval. Mitaingin-tsoavaly. —ensemble, —avec. Miaraka. —droit son chemin. Mizo-dàlana, mijonjona. — de maison en maison. Mitety trano. —et venir. Miverimberina, mivoivoy. Se laisser—à la passion. Manaraka ny filandratsy.

S'en aller, *vpr.* 1° Mandeha, miainga, miala, lasa. Va-t-en. *Mandehana, mialà.* Ils s'en iront bientôt. *Handeha, hiainga, hiala* raha afaka kelikely izy ireo. Ils s'en sont allés. *Nandeha, niainga, niala, lasa* izy ireo. 2°—, Mihena, lanína, efa ho lany, rovitra, efa ho faty. La fièvre s'en va. *Mihena* ny tazo. Son argent s'en va en procès. *Lanína, efa ho lany* amy ny ady ny volany. Voilà un habit qui s'en va. *Rovitra* io akanjo io. Ce malade s'en va. *Efa ho* faty io marary io.

ALLER, *sm.* Fandehanana. Combien de jours faut-il pour l'— et le retour du navire? Hafirian'andro no *handehanana* sy hiverenan'ny sambo?

ALLIAGE, *sm.* Fampifangaroana ny meta'y samihafa, fifangaroana—.

ALLIANCE, *sf.* 1° Fihavanana amy ny fanambadiana. Ces deux familles sont unies par—. Ireny fianakaviana roa ireny *mihavana amy ny fanambadiana.* 2°—, Peratry ny fanambadiana. La nouvelle mariée a reçu une belle—de son mari. Ny vady vao nakarina nahazo *peratra* tsara tarehy tamy ny vadiny. 3°—, Fanekem-pihavanana. Les deux Etats ont conclu une—. Ny fanjakana roa tonta nanao *fanekem-pihavanana.* 4° *fig.* Fikambanana, fifangaroana. L'—du bien et du mal. Ny *fifangaroan'* ny soa sy ny ratsy.

ALLIÉ, ÉE, *adj.* et *s.* 1° Mpihavana amy ny fanambadiana. 2°—, Mitambatra, mikambana, miray andaniny, manao—.

ALLIER, *va.* 1° Mampifangaro. — l'or avec l'argent. *Mampifangaro* volamena amy ny volafotsy. 2° *fig.* Mampikambana, mampifangaro. Il sait —la force à la prudence. Mahay *mampikambana* ny herim-po amy ny fahamalinana izy.

S'allier, *vpr.* 1° Ampifangaroina, mifangaro. 2°—, Mihavana amy ny fanambadiana. 3°—, Manao fanekem-pihavanana, miandany. 4° *fig.* Akambana, mikambana, ampifangaroina, mifangaro.

ALLOCATION, *sf.* Anjaram-bola omena hanaovan-javatra, fanomezam-bola. Le gouvernement a fait une — pour les jeux. Ny fanjakana *nanome vola* hoentina amy ny tsilalao.

ALLOCUTION, *sf.* Kabarim-poloalindahy, laha-teny fohy. Faire une—aux soldats. *Mikabary* amy ny *foloalindahy.*

ALLONGE, *sf.* Tovana.

ALLONGÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Voatovana, notovanana, mitovana, nohalavaina, lava. 2° —, Nahinjitra, mihinjitra, naampatra, namparina, miampatra, voatsotra, natsotra, mitsotra. 3°—, Tsoky. Les makis ont un museau—. *Tsoky* vava ny gidro.

ALLONGEMENT, *sm.* Fanovanana, fanalavana.

ALLONGER, *va.* 1° Manovana, manalava. — une table. *Manovana* latabatra. — un habit. *Manovana* akanjo. Ce récit allonge le livre. *Manalava* ny boky itý tantara itý. 2° —, Maninjitra, manampatra, manatsotra. —le bras. *Maninjitra, manampatra* ny sandry. — les jambes. *Manampatra, manatsotra* ny tongotra. || *loc.* — le pas. Manao dingan-dava, mandeha haingana. 3°—, Manalava, manela. — une affaire. *Manalava,*

etc., ny raharaha.—un procès. *Manela* ady.

S'allonger, *vpr.* 1° Mihalava, miroritra. La corde s'est allongée. *Nihalava, niroritra* ny mahazaka. 2° —, Mihinjitra, miampatra, mitsotra. Le serpent s'allonge sur l'herbe. *Miampatra, mitsotra* ambonin' ny ahitra ny bibilava.

ALLOUER, *va.* Manome. Le gouvernement m'a alloué une indemnité de mille piastres. Ny fanjakana *nanome* ahy onitra ariary arivo.

ALLUMÉ, ÉE, *p.* et *adj.* Narehitra, tafarehitra, mirehitra, novelomina, velona.

ALLUMER, *va.* 1° Mandrehitra, mampirehitra, mamelona. Allumez le feu. *Ampireheto, velomy* ny afo. 2° *fig.* Mampirehitra, mamelona. Il a allumé la guerre civile. *Nampirehitra, namelona* ny ady an-trano izy.

S'allumer, *vpr.* 1° Mirehitra, velona. 2° *fig.* Mirehitra. Sa colère s'est allumée. *Nirehitra* ny hatezerany.

ALLUMETTE, *sf.* Afokasika, afokasoka.

ALLUMEUR, *sm.* Mpampirehitra.

ALLURE, *sf.* 1° Fandeha, famindra. Ce cheval a de belles allures. Tsara *fandeha* io soavaly io. 2° *fig.* Toetra. L'affaire prend une mauvaise —. Miharatsy ny *toetry* ny raharaha.

ALLUSION, *sf.* Safeli-teny, hain-teny, sao-teny. ‖ *loc.* Faire —. Mahatsiahy.

ALLUVION, *sf.* Antsanga.

ALMANACH, *sm.* Alimanaka.

ALOÈS, *sm.* Aloesy, vahona.

ALOI, *sm.* Toetra. C'est un or de bon—. Tsara *toetra* io volamena io. C'est une marchandise de mauvais —. Ratsy *toetra* io varotra io.

ALORS, *adv.* Amin' izay, amin' izany, androtr' izay, androtr' iny, fahizay, fahizany. — il s'en alla. *Tamin' izay, androtr' izay, androtr' iny* dia niala izy. — que ferez-vous? Inona no hataonao *amin' izay, amin' izany?* Les usages d'— n'existent plus. Ny fomba *fahizay, fahizany* tsy fanao intsony. ‖ *loc.* Jusqu' —. Hatramin' izay.

ALOUETTE, *sf.* Sorohitra.

ALOURDIR, *va.* Manavesatra.

S'alourdir, *vpr.* Mihavesatra. Ma tête s'alourdit. *Mihavesatra* ny lohako.

ALOURDISSEMENT, *sm.* Fahavesarana.

ALOYAU, *sm.* Mananetin-kena, mananetiny.

ALPHA, *sm.* Litera voalohany amy ny abidy grika.

ALPHABET, *sm.* Alifabety, abidy, fiandoha-mianatra.

ALPHABÉTIQUE, *adj.* Araka ny filaharan'ny abidy. Rangez les noms par ordre—. Alaharo ny anarana *araka ny filaharan'ny abidy.*

ALPHABÉTIQUEMENT, *adv.* Araka ny filaharan' ny abidy.

ALTÉRABLE, *adj.* Azo ovana, azo simbana.

ALTÉRANT, ANTE, *adj.* Mampangetaheta.

ALTÉRATION, *sf.* 1° Fiovana, fahasimbana. 2°—, Hetaheta.

ALTERCATION, *sf.* Fifandirana, fifanjihirana.

ALTÉRÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Voaova, nována, niova, simba, nosimbana. 2°—, Mangetaheta.

ALTÉRER, *va.* 1° Manova, manimba. — un métal. *Manova* metaly. — la santé. *Manimba* ny hasalamana. — les mœurs. *Manimba* ny fitondran-tenan'ny olona. Les disputes altèrent l'amitié. Ny fifandirana *manimba* ny fifankatiavana. — les paroles de quelqu'un. *Manova* ny tenin'olona. La souffrance a altéré ses traits. *Nanova* ny tarehiny ny fahoriany, ‖ *loc.* — les monnaies. Manao vola ratsy. 2°—, Mampangetaheta. La chaleur altère. *Mampangetaheta* ny hafanana.

S'altérer, *vpv.* Miova, ována, mihasimba, simbana.

ALTERNATIF, IVE, *adj.* Mifandimby, mifanandro.

ALTERNATIVE, *sf.* 1° Fifidianana amy ny zavatra roa. Les soldats étaient alors dans l'— de vaincre ou de mourir. Tamin'izay ny miaramila tsy maintsy ho *nifidy* na handresy na ho faty. 2°—, Fifandimbiasana. La vie est une — de joie et de tristesse. Ny andro iainana dia *ifandimbasan'* ny fifaliana sy ny alahelo.

ALTERNATIVEMENT, *adv.* Am-pifandimbasana, am-pifanandroana, anandro.

ALTERNER, *vn.* Mifandimby, mifanandro. Ces deux professeurs alternent tous les mois. Ireo mpampianatra roa lahy ireo *mifandimby,* etc., isam-bolana.

—, *va.* Mampifandimby ny fambolen-javatra. — un champ. *Mampifandimby ny fambolen-javatra* amy ny tanimboly anankiray.

ALTIER, ÈRE, *adj.* Miavonavona, mirehareha, mianjonanjona.
ALTITUDE, *sf.* Hahavon' ny tany ambonin'ny ranomasina.
ALUN, *sm.* Halamo.
ALVÉOLE, *sm.* 1° Lavaka itsatohan' ny nify. 2° —, Masontantely.
AMABILITÉ, *sf.* Halemem-panahy.
AMADOU, *sm.* Amadoa.
AMADOUER, *va.* Manambitamby, manolikoly.
AMAIGRIR, *va.* Mankahia.
S'amaigrir, *vpr.* Mihamahia, mihahia.
AMAIGRISSEMENT, *sm.* Hahia, hahiazana, fahiazana.
AMALGAME, *sm.* 1° Fifangaroan' ny volavelona amy ny metaly hafa. || —de miroir. Manjam-pitaratra. 2° *fig.* Fifangaroana.
AMALGAMER, *va.* 1° Mampifangaro volavelona amy ny metaly hafa. 2° *fig.* Mampifangaro.
S'amalgamer, *vpr.* Mifangaro.
AMANDE, *sf.* 1° Anaram-boankazo. 2°—, Voan-taolam-boankazo. L'— des pêches. Ny *voan-taolan*-paiso.
AMANDIER, *sm* Fototr' *amande.*
AMANT, *sm.* Mpitia vavy, mpiadalambavy, sakaiza.
AMANTE, *sf.* Mpitia lahy, mpiadalandahy, sakaiza.
AMARANTE, *sf.* Anantaribazaha.
AMARINER, *va.* Mankazatra amy ny ranomasina,
AMARRE, *sf.* Mahazakan-tsambo.
AMARRER, *va.* Mamatotra ny sambo na ny zavatra ambony sambo amy ny mahazaka.
AMAS, *sm.* Antontany, korontana, fiangonana, fivoriana. — de pierres. *Antontam*-bato, *korontam*-bato. Pourquoi cet — de peuple ? Ahoana no *iangonana, ivorian'* izao vahoaka izao ?
AMASSER, *va.* Manao antontany, manavosa, manavovona, manangona, mamory. Il amasse tous les jours des pierres pour faire sa maison. *Manao antontam*-bato, *manavosa,* etc., vato isan' andro hanaovana ny tranony izy. Il amasse des troupes de tous côtés. *Manangona, mamory* miaramila hatraiza hatraiza izy. Voy. ACCUMULER.
S'amasser, *vpr.* Miavosa, miavovona, miangona, mivory.
AMATEUR, *sm.* Mpitia zavatra.
AMAZONE, *sf.* Vehivavy mpiady.
AMBAGES, *sf. pl.* Teny misafontimpontina, teny miolikolika.
AMBASSADE, *sf.* Ambasy, raharahan' ny ambasadaoro.
AMBASSADEUR, *sm.* Ambasadaoro.
AMBIANT, ANTE, *adj.* Manodidina. L'air —. Ny rivotra *manodidina.*
AMBIDEXTRE, *adj.* et *s.* Mahay roa,
AMBIGU, UË, *adj.* Misy hevitra roa, tsy loa-body. Réponse ambiguë. Valinteny *misy hevitra roa,* etc.
AMBIGUITÉ, *sf.* Teny misy hevitra roa, teny tsy loa-body.
AMBIGUMENT, *adv.* Tsy mazava.
AMBITIEUSEMENT, *adv.* Amimpitsiriritana.
AMBITIEUX, EUSE, *s.* et *adj.* 1° Mitsiriri-boninahitra, matimatim-boninahitra. 2° *fig.*(Teny) miangesongeso, miangolangola. Style —. Laha-teny *miangesongeso,* etc.
AMBITION, *sf.* 1° Fitsiriritam-boninahitra. Il est dévoré d'—. Main'ny *fitsiriritam-boninahitra* izy. 2°—, Faniriana. Ce prince n'a d'autre — que de rendre ses peuples heureux. Io mpanjaka io tsy *maniry* afa-tsy izay mahasoa ny vahoakany.
AMBITIONNER, *va.* 1° Mitsiriri-boninahitra. 2°—, Maniry.
AMBLE, *sm.* Karazam-pitsaikon-tsoavaly.
AMBRE, *sm.* —jaune. Zavatra vony mety ho tantera-pahazavana. —gris. Karazan-java-manitra.
AMBRER, *va.* Manamanitra amy ny *ambre gris.*
AMBREVADE, *sf.* Amberivatry.
AMBULANCE, *sf.* Trano fitsaboana ny mpiantafika.
AMBULANT, ANTE, *adj.* Mandehandeha, miriorio, mivezivezy. Marchand —. Mpanao varo-*mandeha.* Il mène une vie ambulante. *Mandehandeha,* etc., izy.
AME, *sf.* 1° Fanahy. L'homme est composé d'un corps et d'une —. Ny olombelona dia misy vatana sy *fanahy.* 2° — Ny ao am-po, ny fo. Les yeux sont le miroir de l'—. Ny maso manambara *ny ao ampo.* Il n'a pas d'—. Mafy *fo, fo* vato izy. 3°—, Aina. Rendre l'—. Miala *aina.* 4°—, Mponina, olona. La population de Tananarive est de quatre vingt mille âmes. Ny *mponina,* etc., eto Antananarivo dia va-

lo alina miaina. 5° *fig*. Fiankinana, hafanam-pó. Il est l'—de l'entreprise. Izy no *iankinan'*ny raharaha. Il n'y a point d'—dans son discours. Tsy misy *hafanam-pó* ao amy ny laha-teniny.

AMÉLIORATION, *sf*. Fanatsarana, fihatsarana.

AMÉLIORER, *va*. Manatsara, mahatsara. Le fumier améliore la terre. Ny zezika *manatsara*, etc., ny tany.

S'améliorer, *vpr*. Mihatsara. Sa santé s'améliore. *Mihatsara* ny fahasalamany.

AMEN, *sm*. Comme AINSI-SOIT-IL.

AMÉNAGEMENT, *sm*. Fameperana ny amy ny ala, fanatsinjarana.

AMÉNAGER, *va*. Mamepetra ny amy ny ala, mitsinjara. —la forêt. *Mamepetra* ny fikapana sy ny fambolen-kazo any an' *ala*. —un arbre. *Mitsinjara* hazo.

AMENDE, *sf*. Sazy, dina. Mettre à l'—. *Manazy manasazy*, mampandoa *sazy*. ‖ *loc*. Faire—honorable. Mifona ampahibemaso.

AMENDEMENT, *sm*. 1° Fihiatsarana, fanatsarana ny tany. Il y a eu—dans sa conduite. *Nihatsara* ny fitondran-tenany. 2°—, Fanitsiana. Il a proposé un—à la loi. Nanome hevitra mba *hanitsy* ny lalána izy.

AMENDER, *va*. 1° Manatsara, mahatsara. On amende les terres avec du fumier. Ny zezika no *fanatsarana* ny tany. 2°—, Manitsy.

S'amender, *vpr*. Mihatsara.

AMENER, *va*. 1° Mitondra, manatitra. Amenez votre fils. *Ento, atero* ny zanakao. 2°—,Mitarika, mampidina. Il amènea lui toute la couverture. *Tariting* ho any aminy daholo ny firakofana. —les voiles. *Mampidina* lain-tsambo. 3° *fig*. Isehoana, mitondra, mitarika. C'est lui qui a amené cette mode. Izy no *nisehoan'*izany lamodyvaovao izany. Le vent amène la pluie. Ny rivotra *mitondra* ny ranonorana. Un malheur en amène un autre. Ny voina *mitari*-boina.

AMÉNITÉ, *sf*. 1° Hafinaritra. L'—d'une campagne. Ny *hafinaritry* ny saha anankiray. 2°—, Halemem-panahy. Il a beaucoup d'—. Be *halemem-panahy* izy.

AMENUISER, *va*. Mampanify. —une cheville. *Mampanify* fantsika hazo.

AMER, ÈRE, *adj*. 1° Mangidy, hentona, monta, manganangana. Il n'y a rien de plus—que l'aloès. Tsy misy *mangidy, hentona* mihoatra noho ny aloesy. L'écorce du pamplemousse est amère. *Mangidy, monta* ny hoditry ny hangibe. Un peu—. *Mangidingidy, manganangana*. 2° *fig*. Mangidy, mafy, manindrona. Son cœur est rempli d'une douleur amère. Feno *ngidin'* alahelo ny fony. Ses reproches sont amèrs. *Mangidy*, etc., ny fananarany.

AMER, *sm*. 1° Zava-mangidy. Les amers sont bons pour la santé. Ny *zava-mangidy* dia mahatsara ny hasalamána. 2°—, Aferom-biby. Un—de bœuf. *Aferon*-kena.

AMÈREMENT, *adv*. Fatratra, mafy. Se plaindre—. Mitaraina *fatratra*, etc.

AMÉRIQUE, *sf*. Amerikà.

AMÉRICAIN, AINE, *adj*. et *s*. Amerikana.

AMERTUME, *sf*. 1° Ngidy, hangidy, hahentona, hamonta. 2° *fig*. Alahelo, fahoriana, hangidy, hamafiana, fanindrona. Mon cœur est abreuvé d'—. Vonton'*alahelo*, vontom-*pahoriana* ny foko.

AMEUBLEMENT, *sm*. Fanaka.

AMEUTER, *va*. 1° Manangona alika mba hihaza. 2° *fig*. Mamoky, mandrendrika.

AMI, IE, *s*. Sakaiza, tia. —perfide. *Sakaiza* manody. C'est un—de la science. *Tia* fahaizana izy.

—, *adj*. Mampiseho fitiavana. Il m'a reçu avec un visage—. Tamin-tarehy *nampiseho fitiavana* no nandraisany ahy.

AMIABLE (À L'), *loc. adv*. Amim-pihavanana. Notre procès a été arrangé à l'—. Novitaina *tamim-pihavanana* ny adinay.

AMICAL, ALE, *adj*. Mampiseho fitiavana.

AMICALEMENT, *adv*. Amim-pitiavana.

AMIDON, *sm*. Tavolo.

AMINCIR, *va*. Mampanify, mamisaka. —une pièce de bois. *Mampanify*, etc., hazo.

S'amincir, *vpr*. Mihamanify, mihafisaka.

AMINCISSEMENT, *sm*. Fampanifisana, hanify, fanifisana, famisahana, hafisaka.

AMIRAL, *sm*. Admiraly. Vaisseau—, Sambo itoeran' ny *admiraly*.

AMIRAUTÉ, *sf*. Manamboninahitra maro miahy ny amy ny sambo.

AMITIÉ, *sf*. 1° Fifankatiavana, fisakaizana, fihavanana. Une—intime nous unit depuis longtemps. *Fifankatiava-*

na, fisakaizana lehibe no mampiray fo antsika izay ela izay. Il y a paix et — entre ces deux nations. Misy fifanarahana sy *fihavanana* amin'ireo fanjakana roa tonta ireo. 2°—, Fankasitrahana. Faites-moi l'— de venir déjeuner avec moi. Aoka mba ho *sitrakao* ny miara-misakafo amiko. 3°—, *pl.* Veloma. Présentez-lui mille amitiés de ma part. Mampanao *veloma* madinidinika azy aho.

AMMONIAQUE, *sf.* Amoniaka.

AMMONIACAL, ALE, *adj.* Misy amoniaka.

AMNISTIE, *sf.* Fanafahana ataon' ny Andriamanjaka amy ny olo-meloka, indrindra amy ny mpikomy.

AMNISTIER, *va.* Manafaka ny mpikomy, — ny olo-meloka.

AMOINDRIR, *va.* Manakely, mampihena. Cela a amoindri ses forces. *Nanakely, nampihena* ny hatanjahany izany.

S'amoindrir, *vpr.* Mihakely, mihena.

AMOINDRISSEMENT, *sm.* Fihakelezana, fihenána.

AMOLLIR, *va.* 1° Manalemy. La chaleur amollit la cire. Ny hafanana *manalemy* ny savoka. 2° *fig.* Mampahosa. La volupté amollit les cœurs. Ny fanaranam-batana *mampahosa* ny fo.

S'amollir, *vpr.* 1° Mihalemy. 2° *fig.* Mihahosa.

AMOLLISSEMENT, *sm.* 1° Fanalemena, halemena, halemy, fahalemena. 2° *fig.* Fahosana.

AMONCELER, *va.* Manao antontany, manonta, mampifanongoa, manavovona, manavosa, manangona, mamory. — des gerbes de riz. *Manao antontam*-bary. — des pierres. *Mampifanongoa, manavovona, manavosa, manangona, mamory* vato. — des preuves. *Manangona, mamory* porofo.

S'amonceler, *vpr.* Mifanongoa, miavovona, miavosa, miangona. Les livres s'amoncellent chez lui. *Mifanongoa, miavovona, miavosa* ao an-tranony ny boky. Les nuages s'amoncellent. *Miangona* ny rahona.

AMONCELLEMENT, *sm.* Fanaovana antontany, antontany, fanontana, fampifanongoavana, fifanongoavana, fanavosána, fiavosana, fanataovana, fanangonana, famoriana.

AMONT, *sm.* Erá, ambony.

En amont, *adv.* Any erá, any ambony.

AMORCE, *sf.* 1° Jono, hanin-jono, hanim-pandrika. Le poisson est trompé par l'—. Ny hazandrano fitahin' ny *hanin-jono.* 2° —, Vanja an-tsofim-basy. 3° *fig.* Zava-mitarika. La gloire est une puissante —. Ny voninahitra dia jono mahery *mitarika.*

AMORCER, *va.* 1° Manisy jono, — hanin-jono, — hanim-pandrika. — l'hameçon. *Manisy jono* ny fintana. 2° —, Manisy vanja an-tsofim-basy. — le fusil. *Manisy vanja an-tsofim-basy.* 3° *fig.* Manjono, mitarika.

AMORTIR, *va.* Manaketraka, mampihena, mampitony, mampionona, manalefaka. Les cendres répandues sur le feu l'amortissent. Ny lavenona raraka ao amy ny vainafo dia *manaketraka, mampihena, mampitony* ny heriny. Le temps amortit la douleur. Ny ela *manaketraka,* etc., ny alahelo. ‖ *loc.* — une rente. Mandoa renivola tsikelikely.

S'amortir, *vpr.* Mihaketraka, mihena, mitony, mionona, mihamalefaka.

AMORTISSEMENT, *sm.* Fandoavana ny renivola tsikelikely.

AMOUR, *sm.* Fitiavana, fitia. — mutuel. *Fifankatiavana,* etc., mifamaly. Rendez — pour —. Mifamalia *fitiavana,* etc. Je l'ai fait par — pour vous. Ny *fitiavako* anao no nanaovako izany. L'— de Dieu s'est manifesté surtout sur la croix. Ny *fitiavan'* Andriamanitra antsika niseho indrindra teo ambonin' ny hazofijaliana. C'est l'— de Dieu qui nous rendra heureux. Ny *fitiavantsika* an' Andriamanitra no hahasambatra antsika.

AMOURACHER, *va.* Mampitia fatratra.

S'amouracher, *vpr.* Tia fatratra, matim-pitia, matiny hiany no ho.....

AMOURETTE, *sf.* Fitia taitra, —mandalo.

AMOUREUSEMENT, *adv.* Amimpitiavana.

AMOUREUX, EUSE, *s.* Comme Amant, Amante.

—, *adj.* Tia. Il est— de nouveautés. *Tia* zava-baovao izy.

AMOUR-PROPRE, *sm.* 1° Fitiavantena. 2° —, Fiavonavonana, fireharehana.

AMOVIBILITÉ, *sf.* Ny ahazoana aongana, — esorina.

AMOVIBLE, *adj.* Azo aongana, esori-

na. Il ne faut pas que les juges soient amovibles. Tsy mety raha *azo aongana, esorina* ny mpitsara.

AMPHIBIE, *adj.* et *s.* Sady velona anaty rano no velona an-tanety. Le caïman est un animal —. Ny voay dia biby *mety velona anaty rano sy an-tanety.*

AMPHIBOLOGIE, *sf.* Teny misy hevitra roa, teny tsy loa-body.

AMPHIBOLOGIQUE, *adj.* Misy hevidroa, tsy loa-body. Comme AMBIGU.

AMPHIBOLOGIQUEMENT, *adv.* Tsy mazava.

AMPHITHÉÂTRE, *sm.* Kianja fiadiana misy ambaratonga manodidina, lampihazo misy ambaratonga.

AMPHORE, *sf.* Sinin' ny ntaolo.

AMPLE, *adj.* 1° Malalaka, lehibe. Habit—. Akanjo *malalaka*, etc. 2° *fig.* Be, lehibe, malalaka, lava, ela. Il a une— provision de riz. *Be* vary izy. Pouvoir—. Fahefana *lehibe, malalaka.* Il a obtenu un congé plus—. Nahazo fijanonana *lava* kokoa izy. Cela demande un plus — examen. Tsy maintsy hodinihina *elaela* kokoa izany.

AMPLEMENT, *adv.* Malalaka, lehibe, lava, ela.

AMPLEUR, *sf.* Halalahana, halehibe.

AMPLIFICATEUR, *sm.* Mpamelateny, mpanita-teny, mpanao laza masaka.

AMPLIFICATION, *sf.* Famelaran-teny, fanitaran-teny.

AMPLIFIER, *va.* Mamela-teny, manita-teny, manao laza masaka. Il a bien amplifié ce sujet. *Novelariny* tsara izany foto-teny izany. Il a amplifié cette histoire. *Nanitatra, nanao laza masaka* izany tantara izany izy.

AMPLITUDE, *sf.* Halehibiazana.

AMPOULE, *sf.* 1° Tamaboa kely. 2°—, Bontsina, mipoaka. Il a des ampoules à la main. Misy *bontsina, mipoaka* ny tànany.

AMPOULÉ, ÉE, *adj.* Be renty loatra, be haingo loatra, be sira loatra. Son style est—. *Be renty loatra,* etc., ny laha-teniny.

AMPUTATION, *sf.* Fanapahana ny rantsam-batana.

AMPUTÉ, ÉE, *adj.* et *s.* Voatapaka, tinapaka, notapahina, voahentitra, nohenterina.

AMPUTER, *va.* Manapaka rantsam-batana, manentitra—. On lui a amputé un bras. Efa *notapahina, nohenterina* ny sandriny anankiray.

AMULETTE, *sf.* Ody fiaro, fanefitra. — pour se préserver des balles. *Ody basy.* — pour se préserver des maladies. *Fanefitra.*

AMUSANT, ANTE, *adj.* Mampihomehy, mahatsikaiky.

AMUSEMENT, *sm.* Tsilalao, kilalao; lalao.

AMUSER, *va.* 1° Mampilalao, mampihomehy, mahatsikaiky. Il sait — les enfants. Mahay *mampilalao* zaza kely izy. Il amuse tous ceux qui l'entendent. *Mampihomehy, mahatsikaiky* izay rehetra mihaino azy izy. 2° —, Manadala. Il l'amuse de belles paroles. *Manadala* azy amy ny teny malefaka izy.

S'amuser, *vpr.* Milalao, mihomehy, mananihany. Les enfants s'amusent avec des riens. Ny ankizy madinika *milalao* amy ny zavatra tsinontsinona. On s'amuse de lui. *Lalaovina, ihomehezana, hanihanina* izy.

AMUSETTE, *sf.* Kilalao.

AN, *sm.* Taona, herintaona, taona naaterahana. Il y a dix ans qu'il est mort. Folo *taona* izay no nahafatesany. Il y a eu un — d'intervalle entre la mort de ces deux époux. *Nifanerintaona* no nahafatesan' izy mivady. L'affaire a duré un —. *Nanerintaona,* naharitra *herintaona* ny raharaha. J'ai dix ans accomplis. Folo *taona* ngarangidina no *nahaterahako.*

ANACHORÈTE, *sm.* Mpitoka-monina.

ANACHRONISME, *sm.* Filazan-javatra mifanohitra amy ny fifandimbasan' ny taona nisehoany.

ANALOGIE, *sf.* Fitoviana, fifanahafana, fifandraika. Il y a de l'— entre le cheval et l'âne. *Mitovitovy, mifanahaka, mifandraika* ny soavaly sy ny ampondra. ‖ *loc.* Raisonner par —. Manohatra, mampitaha.

ANALOGIQUE, *adj.* Misy fitoviana.

ANALOGIQUEMENT, *adv.* Am-panoharana.

ANALOGUE, *adj.* Mitovy, mifanahaka, mifandraika.

ANALYSE, *sf.* 1° Fanavahana, fanaratsarahana, fivoasana, fisavasavana. Faites l'— de cette eau. *Avaho, saratsaraho* ny zavatra izay ao amin' io rano

ie. Je vais faire l'— de cette pensée. *Hovoasako, hosavasavako* izany hevitra izany. —grammaticale. *Fisavasavana* ny teny rehetra araka ny gramara. 2°—, Ventin-teny; fotopototra. Voici l'— du discours que j'ai entendu. Indro ny *ventin-teny, fotopototry* ny lahateny izay reko.

En dernière analyse, *loc. adv.* Amy ny farany.

ANALYSER, *va.* Manavaka, manaratsaraka, mivaofy, misava.

ANANAS, *sm.* Mananasy.

ANARCHIE, *sf.* 1° Fanjakana rabantsahona, fanjakan' Ibaroa, tany manjaka hova. 2°—, Fikorontanana.

ANARCHIQUE, *adj.* 1° Mampikorontana. Opinions anarchiques. Hevitra *mampikorontana*. 2°—, Mikorontana. Etat—. Fanjakana *mikorontana*.

ANARCHISTE, *sm.* Tia rabantsahona, mpampikorontana, mpandrendribahoaka.

ANATHÉMATISER, *va.* 1° Mandroaka amy ny Eglizy, manameloka. — les hérétiques. *Mandroaka* ny heretika amy ny Eglizy. — l'hérésie. *Manameloka* ny herezia. 2° *fig.* Maniny mafy. — une doctrine pernicieuse. *Maniny mafy* ny fampianaran-dratsy.

ANATHÈME, *sm.* 1° Fandroahana amy ny Eglizy, fanamelohana. 2° *fig.* Faniniana mafy.

—, *adj.* Voaroaka amy ny Eglizy, voaozona. Qu'il soit—! Aoka *horoahina, ho voaozona* izy!

ANATOMIE, *sf.* 1° Anatomia, fandidiam-paty. 2°—, Fahaizana momba ny toetry ny ao anatin' ny vatana.

ANATOMIQUE, *adj.* Momba ny anatomia.

ANATOMIQUEMENT, *adv.* Araka ny anatomia.

ANATOMISTE, *sm.* Mpahay anatomia.

ANCÊTRES, *sm. pl.* 1° Razana. 2°—, Ntaolo.

ANCHE, *sf.* Vava tsolo itsofana ny kilarinety sy ny zava-maneno mitovy aminy.

ANCIEN, ENNE, *adj.* 1° Ela. C'est une coutume très ancienne. Fanao *ela dia* ela izany. 2°—, Taloha, fahiny. C'est un — gouverneur. Governora *taloha, fahiny* izy.

Les anciens, *sm. pl.* Ny ntaolo, ny taloha, ny antitra.

ANCIENNEMENT, *adv.* Fahagola, fahagolan-tany, ela, taloha, fahataloha, fahiny.

ANCIENNETÉ, *sf.* 1° Haela. L'— d'une loi. Ny *haelan'* ny lalána. 2° —, Fahanterana, fizokiana. Ils furent rangés par ordre d'—. Nalahatra araka ny *fahanterany*, ny *fizokiany* izy ireo.

De toute ancienneté, *loc. adv.* Fahagolan-tany, ela dia ela.

ANCRAGE, *sm.* Fandatsaham-batofantsika. Droit d'—. Vola aloan' ny sambo mba *handatsaka vatofantsika* amy ny fitodiana.

ANCRE, *sf.* 1° Vatofantsika. Lever l'—. Mampaka-*batofantsika*. Le navire est à l'—. Hazonin'ny *vatofantsika* ny sambo. 2° *fig.* Fiankinana. Il est notre — de salut. Izy no *iankinan'* ny famonjentsika.

ANCRÉ, ÉE, *adj.* 1° Hazonin' ny vatofantsika. 2° *fig.* Miraikitra mafy. Cette idée est ancrée dans son esprit. *Miraikitra mafy* ao an-tsainy izany hevitra izany.

ANCRER, *vn.* Mandatsa-batofantsika.

S'ancrer, *vpr.* Miraikitra. S'— à la cour. *Miraikitra* ao anaty rova.

ANDOUILLE, *sf.* Sesi-kena natao tamy ny tsinaiben-kisoa.

ÂNE, *sm.* 1° Ampondra, borika. 2° *fig.* Adala, donto saina.

ANÉANTI, IE, *p.* et *adj.* 1° Levona, nolevonina, fongotra, voafongotra, nofongorana, rava, voarava, noravana. 2° *fig.* Very hevitra, sanganehana, rerapó, trotraka, reraka. Je suis —. *Very hevitra*, etc., aho.

ANÉANTIR, *va.* 1° Mandevona, mamongotra, mandrava. Dieu anéantira l'univers. Andriamanitra *handevona* an izao tontolo izao. Le feu a tout anéanti. Ny afo *nandevona* ny zavatra rehetra. Les guerres anéantissent les nations. Ny ady *mandevona*, etc., ny fanjakana. 2° *fig.* Mahavery hevitra, mahasanganehana, maharera-pó. Cette nouvelle l'a anéanti. *Nahavery hevitra*, etc., azy izany zava-baovao izany.

S'anéantir, *vpr.* 1° Levona, fongotra, rava. 2° *fig.* Manetry tena.

ANÉANTISSEMENT, *sm.* 1° Fandevonana, famongorana, fandravana. 2° *fig.* Fanetren-tena. Etre dans l'— devant Dieu. *Manetry tena* eo anatrehan'Andriamanitra. 3°—, Fahatrotrahana, faharerahana. Le malade est tombé dans

un état d'— qui fait craindre. Efa mby amy ny *faharerahana* mahatahotra ny marary.

ANECDOTE, *sf.* Tantara fohy.

ANECDOTIER, *sm.* Mpilaza tantara fohy.

ANÉMIE, *sf.* Haratsian'ny ra.

ANÉMIQUE, *adj.* Ratsy ra.

ANÉMOMÈTRE, *sm.* Famantarana ny herin'ny rivotra.

ÂNERIE, *sf.* Tsy fahaizana, hadalana.

ÂNESSE, *sf.* Ampondravavy.

ANÉVRISME, *sm.* Fihandronan-drá amy ny artera.

ANFRACTUEUX, EUSE, *adj.* Miolikolika, mikitoantoana, miavomiva.

ANFRACTUOSITÉ, *sf.* Olikolika, kitoantoana.

ANGE, *sm.* 1° Anjely. L'— gardien. Ny *anjely* mpiambina. 2° *fig.* Olona madio fo,— lavorary. || *loc.* Etre aux anges. Vonton-kafaliana.

ANGÉLIQUE, *adj.* Amy ny anjely, ny any ny anjely, hoatry—, manahaka—. Salutation—. Fiarahaban' ny anjely. Il a une voix —. Ny feony *hoatry* ny feon' ny *anjely.* Il a une vertu tout—. Ny hatsaram-panahiny *manahaka ny any ny anjely.*

ANGÉLIQUEMENT, *adv.* Toy ny any ny anjely, tsara indrindra.

ANGINE, *sf.* Karazan' aretin-tenda.

ANGLAIS, AISE, *adj.* et *s.* Englisy.

ANGLE, *sm.* Zoro. — droit. *Zoro* sokera. — obtus. *Zoro* dombo. — aigu. *Zoro* maranitra.

ANGLETERRE, *sf.* Englanda.

ANGLICAN, ANE, *adj.* et *s.* Bisopy.

ANGOISSE, *sf.* Fanahiana lehibe. Il est dans des angoisses mortelles. *Lehibe* dia lehibe ny *fanahiany,* mandry an-driran' antsy, tsy tafandry mandry izy.

ANGUILLE, *sf.* Amalona. Pêcher aux anguilles. *Manamalona.*

ANGULAIRE, *adj.* Misy zoro. || Pierre—. Vato fehizoro.

ANGULEUX, EUSE, *adj.* Maro zoro.

ANICROCHE, *sf.* Sakana, sampona.

ÂNIER, *sm.* Mpitarika ampondra.

ANIMADVERSION, *sf.* Tsiny, adidy, lolotramalona. Il a encouru l'— publique. Nahazo *tsiny,* etc., tamy ny vahoaka izy.

ANIMAL, *sm.* 1° Biby. —sauvage. *Biby* dia. —domestique. *Biby* manompo. 2° *fig.* Adala, tonendrina, donána velona. C'est un—. *Adala,* etc., izy.

ANIMAL, ALE, *adj.* Amy ny biby, manahaka ny biby, manaram-batana.

ANIMALCULE, *sm.* Biby madinika indrindra.

ANIMATION, *sf.* 1° Fampiainana. 2° —, Fahavitrihana, faharisihana. 3° *fig.* Firehidrehetana, hafanana, fahamirana, fitera-mena.

ANIMÉ, ÉE, *adj.* 1° Manana aina, miaina, misy aina. Les êtres animés. Ny zavatra *manana aina,* etc. 2°—, Mirehitra, mafana, miramirana, velombelona, tera-mena. Sa parole est toujours animée. *Mirehidrehitra, mafanafana* mandrakariva ny fiteniny. Il a le regard —. *Mirehidrehitra* ny fijeriny.

ANIMER, *va.* 1° Mampiaina. L'âme anime le corps. Ny fanahy *mampiaina* ny vatana. 2°—, Mamporisika, mampahavitrika, mampaharisika. Le bon capitaine sait — ses soldats. Ny kapiteny tsara mahay *mamporisika, mampahavitrika* ny miaramilany. C'est un indolent que rien ne peut—. Tsy misy zavatra *mampahavitrika, mampaharisika* io kamo io. 3°—, Mampitezitra. On l'anime contre moi. *Ampitezerin'* olona amiko izy. 4° *fig.* Mamelona, mampirehidrehitra, mahamirana, mahavelombelona, mampitera-mena. Il sait — la conversation. Mahay *mamelondresaka* izy. Cet orateur n'anime pas ce qu'il dit. Io mpandaha-teny io tsy *mampirehidrehitra* ny laha-teniny. La joie anime sa figure. Ny hafaliana *mahamiramirana, mahavelombelona* endrika azy. La colère animait ses regards. *Nampitera-mena* ny masony ny hatezerana.

S'animer, *vpr.* 1° Miaina. 2°—, Mihavitrika, miharisika, mamporisi-tena, mandrisi-tena, mifamporisika. 3° *fig.* Mirehidrehitra, mihamafána, mihamirana, tera-mena.

ANIMOSITÉ, *sf.* Hatezerana, lolom-pó, otri-pó. Il a une grande—contre moi. *Tezitra* mafy, manan-*dolom-pó, otripó* amiko izy.

ANIS, *sm.* Anizety.

ANISETTE, *sf.* Anizety, karazan-dalikera.

ANNALES, *sf. pl.* Tantara, tetiarana.

ANNALISTE, *sm.* Mpitantara.

ANNEAU, *sm.* 1° Maso. Un—de fer, de cuivre, d'argent. *Masom*-by, *masom*-barahina, *masom*-bola. Les anneaux d'un rideau. *Masom*-by amy ny elombaravarana. 2°—, Peratra. —pastoral. *Peratry* ny eveka.

ANNÉE, *sf.* 1° Taona. L'—passée. *Taon*-tsy. L'— précédente. *Taon'* iry. L'— prochaine. *Taon'* any. Cette—. *Taon'* ito. — d'abondance. *Taon*-jina. —mauvaise. *Taona* mosarena. Souhaiter la bonne—. Miarahaba tratry ny *taona*. 2°—, Herintaona. Il y a une—que je ne vous ai vu. *Herintaona* no tsy nahitako anao. 3°—, Andro iainana, andro ahavelomana. Il passa ses dernières années dans la solitude. Tamy ny *andro* farany *niainany, nahavelomany* nitoetra tamy ny tany mangingina izy.

ANNELER, *va.* Mampiolikolika.

ANNEXE, *sf.* 1° Mpomba, mpanaraka. 2°—, Zana-piangonana.

ANNEXER, *va.* Manambatra, manakambana.

ANNEXION, *sf.* Fanambarana, fanakambanana.

ANNIHILATION, *sf.* Fandevonana.

ANNIHILER, *va.* Mandevona, mahalevona.

ANNIVERSAIRE, *adj.* et *s.* Fiherenan' ny andro anankiray tamy ny taona lasa. Demain c'est le jour — de ma naissance. Rahampitso no *fiherenan' ny andro* nahaterahako.

ANNONCE, *sf.* Filazan-javatra. Afficher des annonces. Mametaka *filazan-javatra*.

ANNONCER, *va.* 1° Milaza, mampandre. Il m'a annoncé une nouvelle étonnante. *Nilaza* zava-baovao mahagaga tamiko izy. Je vous annonce l'arrivée du gouverneur. *Mampandre* anao ny fahatongavan' ny governora aho. 2°—, Manambara, maminany, mampiseho. Les prophètes annonçaient les événements futurs. Ny mpaminany *nanambara, naminany* ny zavatra ho avy. Les cieux annoncent la gloire de Dieu. Ny lanitra *manambara, mampiseho* ny voninahitr' Andriamanitra.

S'annoncer, *vpr.* Miseho.

ANNONCIATION, *sf.* Filazan' ny arkanjely Gabriely taminy Masina Mary.

ANNOTATEUR, *sm.* Mpanampy teny amy ny boky, mpamelatra ny hevitry ny boky.

ANNOTATION, *sf.* Fanampian-teny amy ny boky, famelaran-kevitry ny boky.

ANNOTER, *va.* Manampy teny amy ny boky, mamelatra ny hevitry ny boky.

ANNUAIRE, *sm.* Boky milaza ny amy ny isan-taona.

ANNUEL, ELLE, *adj.* Maharitra herintaona, isan-taona. La révolution du soleil est annuelle. Ny fitsingerenan' ny masoandro *maharitra herintaona.* Rente annuelle. Zana-bola aloa *isan-taona.*

ANNUELLEMENT, *adv.* Isan-taona.

ANNUITÉ, *sf.* Vola aloa isan-taona.

ANNULAIRE, *adj.* Miendrika masombola.

—, *sm.* Tondro fasiam-peratra.

ANNULATION, *sf.* Fanafoanana.

ANNULER, *va.* Manafoana.—une vente, un mariage. *Manafoana* fividianana, fanambadiana.

S'annuler, *vpr.* Mihatsinontsinona.

ANOBLI, IE, *adj.* et *s.* Nasandratra ho andriana.

ANOBLIR, *va.* Manandratra ho andriana.

ANOBLISSEMENT, *sm.* Fanandratana ho andriana.

ANODIN, INE, *adj.* 1° Mampitony ny fanaintainana. Remède—. Fanafody *mampitony ny fanaintainana.* 2° *fig.* Manta. Il a composé une poésie anodine. Namorona tonon-kira *manta* izy.

ANOMALIE, *sf.* Tsy fanao. C'est une—grammaticale. *Tsy fanao* araka ny gramara izany.

ÂNON, *sm.* Zanak' ampondra.

ÂNONNEMENT, *sm.* Fiambakambakana, fivakavakana.

ÂNONNER, *vn.* Miambakambáka, mivakavaka.

ANONYME, *adj.* Tsy misy ny anaran' ny nanao azy. Lettre—. Taratasy ampitondraina *tsy misy ny anaran' ny nanao azy.*

—, *sm.* Olona tsy fantatra anarana.

ANORMAL, ÂLE, *adj.* Tsy araka ny fanao. Ce sont des actes anormaux. *Tsy araka ny fanao* izany.

ANSE, *sf.* 1° Sofin-javatra. —de marmite. *Sofim*-bilany. 2°—, Helo-drano. Les navires peuvent mouiller dans cette—. Ny sambo mahazo miantsona amin' ity *helo-drano* ity.

ANTAGONISME, *sm.* Fifanoherana, fifandrafesana, fifaninanana.
ANTAGONISTE, *sm.* Mpanohitra, rafy, mpifaninana.
ANTARCTIQUE, *adj.* Atsimo. Pôle—. Poly *atsimo.*
ANTÉCÉDEMMENT, *adv.* Teo aloha, rahateo.
ANTÉCÉDENT, ENTE, *adj.* Teo aloha. Il a été condamné plus sévèrement pour des actes antécédents. Nohelohina mafimafy kokoa izy noho ny nataony *teo aloha.*
—, *sm.* Ny natao taloha. Invoquer des antécédents. Miankina amy ny *natao taloha.*
ANTÉCHRIST, *sm.* Antikristy, mpanohitra any Jeso-Kristy.
ANTÉDILUVIEN, IENNE, *adj.* Talohan' ny safo-drano.
ANTENNE, *sf.* Tandroky ny biby kely.
ANTÉPÉNULTIÈME, *adj.* et *sf.* Mialoha ny vakiteny roa farany amy ny teny iray.
ANTÉRIEUR, EURE, *adj.* 1° Mialoha, taloha. Ce contrat est — à l'autre. Ity fanekena ity *mialoha, talohan'* ny hafa. 2°—, Anoloana. Les parties antérieures du corps. Ny *anoloan'* ny vatana.
ANTÉRIEUREMENT, *adj.* Taloha.
ANTÉRIORITÉ, *sf.* Fialohana.
ANTRHAX, *sm.* Tomboka.
ANTRHOPOPHAGE, *adj.* et *s.* Olona homana olona.
ANTRHOPOPHAGIE, *sf.* Fihinanana olona.
ANTICHAMBRE, *sf.* Efi-trano fidirana. Faire—. Miandry ao amy ny *efitrano fidirana.*
ANTICHRÉTIEN, ENNE, *adj.* et *s.* Manohitra ny fivavahana kristiana.
ANTICIPATION, *sf.* Fanaovana alohan' ny fotoana, fandinganana, fanaovana angady be lela.
ANTICIPER, *va.* Manao alohan' ny fotoana. — un payement. Mandoa vola *alohan' ny fotoana.*
—, *vn.* 1° Mandingana. L'historien anticipe parfois sur les temps. Indraindray ny mpitantara *mandingana* amy ny zavatra aoriana. 2°—, Manao angady be lela. — sur son voisin. *Manao angady be lela* amin' izay akaikiny.
ANTIDATE, *sf.* Andro sandoka ampialohaina ny marina.
ANTIDATER, *va.* Manisy andro sandoka ampialohaina ny marina.
ANTIDOTE, *sm.* 1° Fandresem-poizina, ody poizina. 2° *fig.* Fiarovana. Le travail est un—contre l'ennui. Ny fanaovan-taozavatra no *fiarovana* ny fahasorisorena.
ANTIENNE, *sf.* 1° Andinin-kira mialoha sy manaraka ny salamo. 2°—, Hira fiderana any Masina Mary. 3° *fig.* Chanter la même—. Mamerimberin-javatra iray, manao teny azon' adala.
ANTIMOINE, *sm.* Antimonia, karazametaly fotsy.
ANTIPAPE, *sm.* Mpihambo ho papa, antipapa.
ANTIPATHIE, *sf.* Tsy fitiavana Il y a de l' — entre eux. *Tsy mifankatia* izy ireo. Il a de l'—pour l'étude. *Tsy tia* fianarana izy.
ANTIPATHIQUE, *adj.* Tsy mifankatia.
ANTIPODE, *sm.* Olona na fitoerana mifanandrify ambony sy ambanin' ny tany.
ANTIQUAILLE, *sf.* 1° Potipoti-javatra avy amy ny ntaolo. 2° *fig.* Zava-drovitra, —tonta.
ANTIQUAIRE, *sm.* Mpandinika ny taozavatra sy ny asan' ny ntaolo.
ANTIQUE, *adj.* Any ny ntaolo, ela dia ela, lamody antitra.. Statue—. Sariolon' ny *ntaolo.* On ne suit plus cette coutume—. Tsy arahina intsony izany fanaon' ny *ntaolo* izany. Habit—. Akanjo *lamody antitra.*
—, *sm.* Asan' ny ntaolo. Il aime a étudier l'—. Te-handinika ny *asan' ny ntaolo* izy.
ANTIQUITÉ, *sf.* 1° Hahelana, fahelana. Cela est de la plus haute—. *Ela* dia ela izany. 2°—, Ny ntaolo. L'—a cru que le soleil tournait autour de la terre. *Ny ntaolo* nino fa ny masoandro nihodina manodidina ny tany. 3°—, Ny asan' ny ntaolo. Les antiquités de l' Egypte. Ny *asan' ny ntaolo* tany Ejipta.
ANTISOCIAL, ALE, *adj.* Manimba fanjakana.
ANTISPASMODIQUE, *adj.* et *sm.* Mahasitrana ny hozatra mifanintontsintona.
ANTRE, *sm.* Zohy.
ANUITER (S'), *vpr.* Tratra alina.
ANUS, *sm.* Fory.
ANXIÉTÉ, *sf.* Fanahiana lehibe, fitapitapiana.

ANXIEUX, EUSE, *adj.* Manahiahy, mitapitapy, mandry andriran'antsy, tsy tafandry mandry.

AOÛT, *sm.* Volana fahavalo amy ny taona, aogosta.

APAISER, *va.* Mampionona, mampitony, manaketraka, manalefaka. La pénitence apaise la colère de Dieu. Ny fibebahana *mampionona*, etc., ny hatezeran' Andriamanitra. — les tempêtes. *Mampitony, manaketraka* ny tafiodrivotra.— la douleur. *Mampionona, mampitony, manaketraka* ny alahelo.

S'apaiser, *vpr.* Mionona, mitony, mihaketraka.

APANAGE, *sm.* 1° Anjara lova omen' ny mpanjaka ny zanany lahiaivo na faralahy. 2° *fig.* Mpomba. La joie est l'— de la vertu. Ny hafaliana *mpomba* ny hatsaram-panahy.

APANAGER, *va.* Manome anjara lova ny zanany lahiaivo na faralahy.

APARTÉ, *sm.* Fitenenana irery amy ny theatra.

APATHIE, *sf.* Tsy fanahiana, haborerarera, fitsilamodamoka.

APATHIQUE, *adj.* Tsy manahy, borera, mitsilamodamoka.

APERCEVOIR, *va.* 1° Mahatazana, mitazana, mahatsinjo, mitsinjo, manatsipalotra. J'aperçois un homme dans le lointain. *Mahatazana, mahatsinjo* lehilahy anankiray ery lavitra ery aho. Je ne fis que l'— et il disparut. *Voatsipalotro* foana izy dia lasa. 2° *fig.* Mahafantatra, mahita. Je ne puis — ce qu'il y a de vrai dans ce que vous dites. Tsy azoko *fantarina* izay marina amin' izay lazainao.

S'apercevoir, *vpr.* Mahafantatra, mahita. Il s'aperçoit de la ruse. *Fantany, hitany* ny hafetsena.

APERÇU, UE, *p.* 1° Notazanina, tazana, notsinjovina, tsinjo, voatsipalotra, tsipalotra. 2° *fig.* Nofantarina, fantatra, hita.

APERÇU, *sm.* Ventin-teny, fotopototra. Voici un — de ce qu' a dit le prédicateur. Izao no *ventin-teny*, etc., ny voalazan' ny mpitoriteny.

APÉRITIF, IVE, *adj.* Mampandevonkanina. Boisson apéritive. Fisotro *mampandevon-kanina.*

—, *sm.* Zavatra fandevonan-kanina.

A PEU PRÈS, *loc. adv.* Efa ho, madiva ho, saika, tokony, sahabo. Le travail est — fini. *Efa ho, madiva ho, saika* vita ny raharaha. Ils sont— cinquante. *Tokony ho, sahabo ho* dimam-polo izy ireo.

—, *sm.* Fanaovana zara fa vita, — an-tehaka. Il se contente d'un—. *Ataony zara fa vita, an-tehaka* hiany ny azy.

APHORISME, *sm.* Oha-teny.

APICULTEUR, *sm.* Mpiompy renitantely.

APICULTURE, *sf.* Fiompiana renitantely.

APITOYER, *va.* Mampitsetra, mampangoraka. Mes paroles n'ont pu l'— sur le sort de ces lépreux. Ny teniko tsy *nampitsetra,* tsy *nampangoraka* azy ny toetr' ireo boka ireo.

S'apitoyer, *vpr.* Mitsetra, mangoraka.

APLANIR, *va.* 1° Manarina. — un terrain, un chemin. *Manarin*-tany, — dálana. 2° *fig.* Manala. —les difficultés. *Manala* sampona.

S'aplanir, *vpr.* 1° Mihamarina. 2° *fig.* Afaka.

APLANISSEMENT, *sm.* Fanarenana.

APLATIR, *va.* 1° Mamisaka. 2° *fig.* Mandombo.

S'aplatir, *vpr.* 1° Mihafisaka. La balle s'aplatit contre la muraille. *Nihafisaka* tamy ny rindrina ny bala. 2° *fig.* Mamitsaka.

APLATISSEMENT, *sm.* Famisahana, hafisaka, hafisahana.

APLOMB, *sm.* Arina, fiarina, fijoro, fijajirika. Cette muraille a conservé son—. Mbola *marina, mijoro, mijajirika* io ampiantany io. 2° *fig.* Fahasahiana. Il parle avec—. Miteny an-*kasahiana* izy.

D'aplomb, *loc. adv.* Marina, miarina, mijoro, mijajirika. Mettez la table —. *Areno* tsara ny latabatra. Ce poteau n'est pas bien—. Tsy *marina*, etc., ity andry ity.

APOCALYPSE, *sf.* 1° Fanambarány md. Joany. 2° *fig.* Teny maizimaizina.

APOCALYPTIQUE, *adj.* Maizina, saro-pantarina.

APOCRYPHE, *adj.* Tsy fantatra mazava, sandoka. L'auteur de ce livre est—. Tsy fantatra *mazava* ny mpamorona io boky io. Livre—. Boky *sandoka.*

APOGÉE, *sm.* 1° Fara fiſanalaviran' ny planeta amy ny tany. 2° *fig.* Tampona, fanaperana. Il est à l'— de sa gloire. Tonga amy ny *tampon'* ny voninahitra, amy ny *fanaperana* anarana izy.

APOLOGÉTIQUE, *adj.* Miaro.

APOLOGIE, *sf.* Laha-teny iarovana, fiarovana, fanomezan-drariny. Tertullien fit l'—de la religion catholique. Tertoliana nanao *laha-teny iarovana* ny fivavahana katolika. Il a fait l'— de sa conduite. *Niaro, nanome rariny* ny nataony izy.

APOLOGISTE, *sm.* Mpiaro.

APOLOGUE, *sm.* Fanoharana.

APOPHTHEGME, *sm.* Oha-teny.

APOPLEXIE, *sf.* Aretina manorana tampoka sady matetika mahafaty.

APOSTASIE, *sf.* Fivadihana ny fivavahana marina.

APOSTASIER, *vn.* Mivadika ny fivavahana marina, mivadika.

APOSTAT, *sm.* Mpivadika ny fivavahana marina.

APOSTER, *va.* Mametraka. — des espions. *Mametraka* mpitsikilo.

APOSTILLE, *sf.* Soso-tsoratra.

APOSTILLER, *va.* Manoso-tsoratra. J'ai apostillé la lettre de mon enfant. *Nanoso-tsoratra* ny taratasy nampitondrain' ny zanako aho.

APOSTOLAT, *sm.* Raharahan'ny apostoly.

APOSTOLIQUE, *adj.* 1° Avy amy ny apostoly, apostolika. La doctrine — est encore suivie de nos jours. Ny fampianarana *avy amy ny apostoly* mbola arahina ankehitriny izao. 2°—, Manahaka ny any ny apostoly. Vie—. Toe-piainana *manahaka ny any ny apostoly.* 3°—, Avy amy ny papa, solon-tenan' ny papa. Bref—. Taratasy *avy amy ny papa.* Vicaire—. Eveka *solon-tenan' ny papa* amy ny fari-tany vao nisehoan' ny fivavahana katolika.

APOSTOLIQUEMENT, *adv.* Toy ny apostoly.

APOSTROPHE, *sf.* 1° Tendrin-tsoratra misolo ny litera niala. Ohatra : Tandrok'omby. 2°—, Teny iantsoana ny olona na ny zavatra. Il lança une dure —contre les mutins. Nofafazany *teny* mafy ny mpitabataba.

APOSTROPHER, *va.* Miantso, miteny olona.

APOTHÉOSE, *sf.* 1° Fanandratana ho Andriamanitra. 2°—, Fankalazana lehibe.

APOTHICAIRE, *sm.* Mpanamboatra sy mpivarotra fanafody taloha.

APÔTRE, *sm.* 1° Apostoly. 2° *fig.* Misionary, mpampiely. Il s'est fait l'— de cette nouvelle doctrine. Nitsangana ho *mpampiely* izany fampianarana vaovao izany izy. ‖ *loc.* Faire le bon —. Mody tsara fanahy.

APPARAÎTRE, *vn.* Miseho, miposaka, mitranga, mamelovelo, manangasanga. Dieu apparut à Moïse. *Niseho, niposaka* taminy Moizy Andriamanitra. Une voile apparut à l'horizon. Nisy lain-tsambo *niseho*, etc., tery amy ny fara-vodilanitra.

APPARAT, *sm.* Voninahitra, rehareha, haingo, renty. Il est venu dans un grand—. Tonga tamy ny *voninahitra, rehareha* lehibe izy. Haranguer avec—. Manao laha-teny be *haingo*, be *renty.*

APPAREIL, *sm.* 1° Fiomanana, voninahitra. On fait de grands appareils pour le recevoir. Manao *fiomanana* lehibe handraisana azy. Il a fait son entrée en grand—. Niditra tamy ny *voninahitra* lehibe izy. 2°—, Bandy, fiasana, fanaovana, organa samihafa manao asa anankiray. — photographique. *Fanaovana* fotografia.— respiratoire. *Organa samihafa manao* ny *asan'* ny fiainana.

APPAREILLAGE, *sm.* Famelarandain-tsambo mba handeha.

APPAREILLEMENT, *sm.* Fampikambanana zavatra roa mitovy, fampivadiana.

APPAREILLER, *va.* Mampikambana zavatra roa mitovy, mampivady.— des bœufs. *Mampikambana* omby *roa, mampivady* omby. — des tableaux. *Mampikambana* sary *roa mitovy.*

—, *vn.* Mamelatra lain-tsambo mba handeha.

APPAREMMENT, *adv.* Toa. — il arrivera demain. *Toa* ho tonga izy rahampitso.

APPARENCE, *sf.* Ny ivelany, ny miseho, fodiana, toetra, endrika, tarehy. Il ne faut pas juger les gens sur les apparences. Tsy tokony hitsara olona araka ny *ivelany*, ny *miseho.* Il l'a trompé sous — d'amitié. *Nody* ho sakaiza, *nitoe*-tsakaiza izy ka namitaka azy. Dans la communion Jésus-Christ est caché sous les apparences du pain. Amy ny komonio Jeso-Kristy dia takonan'ny *endrika*, ny *tarehin'*ny mofo. ‖ *loc.* Sauver les apparences. Manaron-kadisoana. Il y a—. Toa. Il n'y a pas — de

danger. *Toa* tsy misy hatahorana. Il y a—qu'ils s'entendront. *Toa* hifanaraka izy ireo.

En apparence, *loc. adv.* Ivelany, araka ny miseho.

APPARENT, ENTE, *adj.* Miseho, miharihary, an-karihary. On dit qu'il est riche, mais de bien—on ne lui en connait pas. Ataon'ny olona fa mpanan-karena izy, kanefa tsy misy harena *miseho* izay hita. Son droit est—. Azy *miharihary* ny rariny. Il s'est placé dans un endroit—. Nipetraka tamy ny fitoerana *an-karihary* izy.

APPARENTER, *va.* Mampihavana amy ny fanambadiana. Le mariage de sa fille l'a mal apparenté. Ny fanambadian'ny zanany vavy no *nampahazo* azy *havandratsy*.

APPARIEMENT, *sm.* Fampikambanan-javatra roa mitovy, fampivadiana.

APPARIER, *va.* Mampikambana zavatra roa mitovy, mampivady. Comme APPAREILLER.

APPARITION, *sf.* 1° Fisehoana, fiposahana, fitrangana. A l'—de la comète tout le monde tremblait. Tamy ny *nisehoana, niposahana, nitrangan'* ny kintana manan-drambo dia natahotra daholo ny olona. 2°—, Fitsidihana. Il n'a fait qu'une courte—chez moi. *Nitsidika* kely foana tao amiko izy. 3—, Tsindrimandry. J'ai eu une—épouvantable. Izaho efa nahita *tsindrimandry* mahatsiravina.

APPARTEMENT, *sm.* Efi-trano. Maison à plusieurs appartements. Trano *miefitrefitra*, maro *efitra*, misy *efitra* maro.

APPARTENIR, *vn.* 1° Manana tompo, an'iza, an'olona. A qui appartient ce couteau? Iza no *tompon'*ity antsipika ity? *an'iza* ity antsipika ity? C'est à moi qu'il appartient. Izaho no *tompon'* io, *ahy* io. 2°—, Raharaha, anjara. Il n'appartient pas à tout le monde de juger. Tsy *raharaha,* tsy *anjaran'*ny olona rehetra ny mitsara. 3°—, Fomba. La férocité appartient aux barbares. *Fomban'* ny baribariana ny masiaka. 4°—, Isa, ao anatiny. Il appartient au barreau. *Isan'* ny mpisolo vava izy. Il appartient à une bonne famille. Ao *anatin'*ny fianakaviana tsara izy.

S'appartenir, *vpr.* Mahaleo tena, mahazaka tena.

APPAS, *sm. pl.* Hatsaran-tarehy, hatsaram-bika.

APPÂT, *sm.* 1° Jono, hanin-jono, hanim-pandrika, hanin-tonta. 2°— *fig.* Zavamitarika.

APPAUVRIR, *va.* 1° Mampahantra, mambotry, mandany harena. Les procès l'ont appauvri. *Nampahantra, nambotry* azy ny ady, *nandany ny hareny* ny ady. 2° *fig.* Mahakotra, mampiharatsy. La même culture appauvrit la terre. *Mahakotra* ny tany ny volena lalandava zavatra iray karazana. Le sang de ce malade est appauvri. *Niharatsy* ny ran'io marary io. ‖ *loc.*— une langue. Manesotra teny na fombampitenenana amy ny fiteny anankiray.

S'appauvrir, *vpr.* 1° Mihamahantra, mihabotry. Le pays s'est appauvri. *Nihamahantra, nihabotry* ny vahoaka. 2° *fig.* Mihakotra, miharatsy.

APPAUVRISSEMENT, *sm.* 1° Fahantrana, habotriana. 2° *fig.* Hakotra, faharatsiana.

APPEAU, *sm.* 1° Tsotsóka fiantsoamborona hihazana azy. 2°—, Vorona ampiantsoina namana.

APPEL, *sm.* 1° Antso, fiantsoana. Il n'a pas entendu votre—. Tsy nahare ny *antsonao* izy. Personne ne se rendit à son —. Tsy nisy olona nanaiky ny *fiantsoany*. 2°—, Fanononana anarana. Le capitaine fit l'— de ses soldats. *Notononin'* ny kapiteny tsirairay ny anaran' ny miaramilany. 3°—, Fangatahana, fangatahana fitsarana ambony, fitarainana. Il fait—à la charité publique. *Mangataka* fiantrana amy ny vahoaka izy. Interjeter—. *Mangataka fitsarana ambony*. Je fais—à César. *Mitaraina* aminy Sezara aho.

APPELANT, ANTE, *s.* et *adj.* Mangataka fitsarana ambony.

APPELÉ, ÉE, *p.* 1° Nasiana anarana, misy anarana, natao hoe, atao hoe, voantso, nantsoina, antsoina. 2°—, Voatonona, notononina. 3°—, Nohatsihina, hatsihina, voahofa, nohofana, hofana, voahatoka, nohatohina, voapimaso, nopizimaso, voahoha, nohohaina. 4°—, Voahafatra, nohafarana, hafarana, nampanalaina, ampanalaina, voaika, noaihina, naingaina. 5°—, Voatory, notorina, torina, nalaina am-bava, alaina am-bava. 6°—, Voahatsy, nohatsina, voahaika, nohaikaina. 7°—, Voatendry, notendrena, tendrena, voafidy, nofidina. 8°—, Namporisihina, amporisihina, tsy maintsy.

APPELER, *va.* 1° Manisy anarana, ma-

nao hoe, miantso. On l'appela Jean. *Nasiana anarana* hoe, Joany; *natao hoe*, Joany no anarany; *nantsoina hoe* Joany izy. Je l'ai appelé voleur. *Nataoko hoe* mpangalatra izy. 2°—, Manonona anarana, miantso. On appela les soldats l'un après l'autre. *Notononina* ny *anarana, nantsoina* ny miaramila rehetra. 3°—, Miantso, manatsika, manofa, manaloka, mamimaso, mihoha. Appelez celui qui passe là. *Antsoy* izay mandalo aó. Il appela son ami de la main. *Nanátsika, nanofa* tánana ny sakaizany izy. Il l'appela d'un signe de tête *Nanatoka* azy izy. Il l'appela d'un signe de l'œil. *Namimaso* azy izy. Il appela les gardien à grands cris. *Nihoha* ny mpiambina izy.— au secours. *Miantso* vonjy. — aux armes. *Miantso* vonjy taitra. 4°—, Manafatra, mampaka, manaika, manainga. Le malade appela son fils auprès de lui. Ny marary *nanafatra, nampaka* ny zanany. Le gouverneur appela le peuple à une assemblée générale. Ny governora *nanaika, nanainga* ny vahoaka tamy ny kabary lehibe. 5°—, Mitory, maka ambava. J'ai appelé le voleur en justice. *Nitory* ny mpangalatra aho. Les juges appelèrent l'accusé devant eux. Ny mpitsara *naka am-bava* ny voampanga. 6°—, Mihatsy, mihaika. Goliath appelait David au combat. *Nihatsy, nihaika* ady any Davida Goliata. 7°—, Manendry, mifidy, miantso. Pharaon appela Joseph à la charge de Premier Ministre. Faraona *nanendry*, etc., any Josefa ho Premier Ministre. Dieu appela Saint Paul à l'apostolat. Andriamanitra *niantso* any Md. Paoly ho apostoly. 8°—, Mamporisika, mandidy, miantso, tsy maintsy. La charité vous appelle. Ny fitiava-namana *mamporisika, mandidy* anao mba hankany. Le crime appelle la vengeance de Dieu. *Miantso* valy amin' Andriamanitra, *tsy maintsy* ho valian' Andriamanitra ny heloka lehibe.

—, *vn.* Mangataka fitsarana ambony, mitaraina.

S'appeler, *vpr.* 1° Misy anarana, atao hoe. Comment vous appelez-vous? Iza no *anaranao?* Je m'appelle Paul. Paoly no *anarako.* Comment s'appelle cette fleur? Inona no *anaran'* io voninkazo io? Elle s'appelle balsamine. Benjamina no *anarany, atao hoe* benjamina no anarany. 2°—, Mifampiantso.

APPELLATION, *sf.* 1° Fanononana anarana. 2°—, Fangatahana fitsarana ambony.

APPENDICE, *sm.* Fanampy, apendiksa.

APPENDRE, *va.* Manantona.— un exvoto aux murs de l'Eglise. *Manantona* fanalam-boady amy ny rindrin' ny legilizy.

APPENTIS, *sm.* Trano heva miankina amy ny rindrina.

APPESANTI, IE, *p.* et *adj.* 1° Novesarana, vesarana, mavesatra, voatsindry, notsindriana, tsindriana, nolamohina, lamohina, lamoka, mitsilamodamoka. 2° *fig.* Namparina, amparina. 3°—, Donto, mavesa-tsaina.

APPESANTIR, *va.* 1° Manavesatra, mampahavesatra, manindry, mandámoka. La pluie appesantit ses habits. Ny ranonorana *manavesatra, mampahavesatra* ny akanjony. Le sommeil appesantit ses paupières. Ny torimaso *manavesatra, manindry* ny hodi-masony, *mandámoka* azy. 2° *fig.* Manampatra. Dieu appesantit son bras sur Sodome. Andriamanitra *nanampatra* ny hatezerany taminy Sodoma. 3°—, Mahadonto saina, mahavesa-tsaina. Les excès de boisson appesantissent l'intelligence. Ny fisotroan-toaka bo loatra *mahadonto saina, mahavesa*-tsaina.

S'appesantir, *vpr.* 1° Mihavesatra, mihalamoka, mitsilamodamoka. 2° *fig.* Miampatra. 3°—, Mihadonto saina. 4°—, Maharitra ela, mijanona ela. Cet historien s'appesantit sur des détails insignifiants. Ity mpitantara ity *maharitra ela,* etc., loatra amy ny zavatra madinika.

APPESANTISSEMENT, *sm.* 1° Fahavesaran'ny tena, fitsilamodamohana. 2° *fig.* Hadontoana, fahavesaran-tsaina.

APPÉTISSANT, ANTE, *adj.* Mampazoto homana.

APPÉTIT, *sm.* 1° Filana. Il a un—insatiable des richesses. Tsy mety tofoky ny *filan*-karena izy. L'— sensuel entraîne la plupart des hommes. Ny *filan*-dratsin' ny nofo mitarika ny ankabiazan' ny olona. 2°—, Fahazotoan-komana. Celui-là a toujours bon—. *Mazoto homana* mandrakariva iley io. Le piment excite l'—. *Mampazoto homana* ny sakay. ‖ *loc.* N'avoir pas d'— Malainkomana. Enlever l'—, Mampalain-komana.

APPLAUDI, IE, *p.* 1° Voatehaka, no-

tehafina, tehafina. 2° *fig.* Nankatoavina, ankatoavina, nihorehana, ihorehana, noderaina, deraina.

APPLAUDIR, *vn.* 1° Mitehaka. En le voyant on applaudit. Raha vao hita izy, dia *nitehaka* ny olona. 2° *fig.* Mankató. J'applaudis à votre conduite. *Mankató* ny fitondran-tenanao aho.

—, *va.* 1° Mitehaka. On l'a applaudi. *Notehafina* izy. 2° *fig.* Mankató, mihorika, midera. On applaudit son discours. *Nankatoavina, nihorehana, noderaina* ny laha-teniny.

S'applaudir, *vpr.* 1° Midera tena. C'est un homme qui s'applaudit sans cesse. Olona *midera tena* lalandava izy. 2°—, Faly. Comme se Félicitee.

APPLAUDISSEMENT, *sm.* 1° Fitehafana. 2° *fig.* Fankatoavana, fihorehana, fiderana.

APPLAUDISSEUR, *sm.* Mpitehaka.

APPLICABLE, *adj.* Manondro, mihatra, azo afindra, azo arahina, azo entina manao. Les paroles que je viens d'entendre lui sont applicables. Ny teny vao reko *manondro* azy, *mihatra* aminy. Cette loi n'est pas — dans ce pays-ci. Ity laléna ity tsy azo *afindra, arahina* amin' ity tany ity. Ces fonds sont applicables à la construction de l'hôpital. Io vola io *azo entina hanorina* ny trano fitsaboana.

APPLICATION, *sf.* 1° Fametahana, fanisiana. L'—d'un vésicatoire le soulagea. Ny *fanisiana* ny bilistra no nahatsara azy. 2°—, Fanondroana, fiharana, famindrana, fanarahana, fanokanana. 3°—, Fifantsihana, filozohana, fikezahana, fikelezana aina.

APPLIQUÉ, ÉE, *p.* 1° Voapetaka, tafapetaka, mipetaka, nasiana, asiana, misy, voaraikitra, tafaraikitra, naraikitra, miraikitra. 2°—, Voatondro, notondroina, tondroina, niharana, iharana, nafindra, afindra, narahina, arahina, nentina manao, natokana, voatokana, atokana. 3°—, Mifantsika, milozoka, mimaso, mikezaka, mikely aina.

APPLIQUER, *va.* 1° Mametaka, manisy, mandraikitra. Appliquez cette image sur le mur. *Apetaho, araiketo* amy ny rindrina ity sary ity. Appliquez le sceau sur les lettres. *Asivy* fitomboka ny taratasy ampitondraina.—un soufflet. *Manisy* tahamaina. 2°—, Manondro, mampihatra, mamindra, manaraka, entina manao, manokana. Le juge ne fit qu'—la loi. Ny mpitsara tsy nanao afa-tsy ny *manaraka* ny laléna. Il applique l'astronomie à la géographie. Ny astronomia no *entiny* manampy ny jeografia. Il appliqua mille piastres à la construction d'une école. *Nanokana* ariary arivo izy hoentina hanorina tranon-tsekoly. 3° *fig.* Mandraikitra. Il applique trop son esprit à l'étude. *Mandraikitra* loatra ny sainy amy ny fianarana izy.

S'appliquer, *vpr.* 1° Mipetaka, miraikitra. Les couleurs se sont bien appliquées au mur. *Nipetaka,* etc., tsara tamy ny rindrina ny loko. 2°—, Mihatra, maka ho azy. Ce que Jésus-Christ a enseigné s'applique à tous les âges. Izay nampianariny Jeso-Kristy *mihatra* amy ny taona rehetra. Le sage s'applique ce qu'il lit dans les bons livres. Ny olonkendry *maka ho azy* izay vakiny amy ny taratasy tsara. 3° *fig.* Mifantsika, milozoka, mimaso, mikezaka, mikely aina. Il s'applique à l'étude. *Mifantsika,* etc., amy ny fianarana izy. Il s'applique à me contrarier. *Mikezaka, mikely aina* mba hanohitra ahy izy.

APPOINTEMENTS, *sm. pl.* Karama azo isan-taona.

APPOINTER, *va.* Manome karama isan-taona.

APPORTER, *va.* 1° Mitondra, manatitra. Apportez ce cadeau au voyageur. *Ento, atero* any amy ny vahiny ity fanatitra ity. Apportez-moi un peu d'eau. *Itondray, anatero* rano kely aho. Elle a apporté une dot de mille piastres. *Nitondra* vola arivo ho haren-jazavavy izy. 2° *fig.* Mampiseho, mamoaka, milaza, mitarika, mitondra. Il apporte de la bonne volonté dans tout ce qu'il fait. *Mampiseho* fahazotoana amin' izay rehetra ataony izy. Il a apporté de bonnes raisons. *Namoaka, nilaza* ny antony marina izy. La guerre apporte bien des maux. Ny ady *mitari*-doza, *mitondra* voina betsaka.

APPOSER, *va.* Manisy. —le sceau. *Manisy* fitomboka.

APPOSITION, *sf.* Fanisiana.

APPRÉCIABLE, *adj.* Azo tombanana.

APPRÉCIATEUR, TRICE, *s.* Mpanombana.

APPRÉCIATION, *sf.* Fanombanana.

APPRÉCIER, *va.* 1° Manombana. — des meubles. *Manombana* fanaka. 2° *fig.* Manombana, manao ho zavatra. Je sais — vos bienfaits. Mahay *manom-*

bana ny soa nataonao aho. J'apprécie les hommes vertueux. *Ataoko ho zavatra* ny olona tsara fanahy.

S'apprécier, *vpr.* 1° Tombanana. 2°—, Mifanao ho zavatra.

APPRÉHENDER, *va.* 1° Misambotra, mangeja, mamia, mibeda. On l'a appréhendé au corps. *Nosamborina, nogejana, nofiazana, nobedana* izy. 2°—, Matahotra. Il appréhende de se présenter devant vous. *Matahotra* ny miseho eo anatrehanao izy.

APPRÉHENSION, *sf.* Tahotra.

APPRENDRE, *va.* 1° Mianatra, mianatra tsianjery. J'apprends le calcul. *Mianatra* marika aho. La leçon est difficile à —. Sarotra *ianarana tsianjery* ny fianarana. 2°—, Mihazatra. J'apprends à supporter le malheur. *Mihazatra* mba handefitra ny loza aho. 3°—, Mandre. J'apprends que votre enfant est malade. *Mandre* aho fa marary ny zanakao. 4°—, Mampianatra, manoro, mampandre, milaza, manambara. J'apprends la grammaire à mes élèves. *Mampianatra, manoro* ny gramara ny mpianatro aho. Je vous apprends que je pars. *Mampandre* anao, *milaza, manambara* aminao aho fa handeha.

S'apprendre, *vpr.* Ianarana, ianarana tsianjery. 2°—, Re.

APPRENTI, IE, *sm.* 1° Mpianatra taozavatra. —cordonnier. *Mpianatra* kiraro. 2° *fig.* Mpianatra, tsy kinga, zazavao.

APPRENTISSAGE, *sm.* 1° Fianarana taozavatra. J'ai mis mon enfant en — chez un tailleur. Napetrako *hianatra* amy ny mpanjaitra anankiray ny zanako. 2° *fig.* Fianarana, tsy fahaizana.

APPRÊT, *sm.* 1° Fanamboarana, fanomanana, fiomanana, famononana, fivonona. L'— du cuir demande un grand soin. Ny *fanamboarana* ny hoditra mila fitandremana lehibe. Il fait les apprêts de la noce. *Manamboatra, manomana, mamonona* ny amy ny fampakaram-bady izy. 2° *fig.* Fiangesoana, fiangentsanana , fiangolangolana. Son exorde sent l'—. *Miangeso, miangentsana, miangolangola* loatra ny sasinteniny.

APPRÊTÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Voavoatra, namboarina, amboarina, voaomana, nomanina, omanina, voavonona, vonona, novononina, vononina. 2° *fig.* Miangeso, miangentsana, miangolangola. Style—. Laha-teny *miangeso, etc.*

APPRÊTER, *va.* Manamboatra, manomana, mamonona. Le cuisinier a bien apprêté les mets. Ny mpahandro *nanamboatra* tsara ny nahandro. — des couleurs. *Manamboatra* loko. Apprêtez ce qu'il faut pour mon voyage. *Amboaro, omano* izay ilaina amy ny dia halehako.

S'apprêter, *vpr.* 1° Miomana, mivonona. Il s'apprête à partir. *Miomana, mivonon*-kandeha izy. 2°—, Mila. Il s'apprête des ennuis. *Mila* fahasahiranana izy.

APPRÊTEUR, EUSE, *s.* Mpanamboatra.

APPRIVOISÉ, ÉE, *adj.* Tamana.

APPRIVOISEMENT, *sm.* Fanatamanana.

APPRIVOISER, *va.* Manatamana.— un oiseau. *Manatamana* vorona anankiray.

S'apprivoiser, *vpr.* Mihatamana.

APPROBATEUR, TRICE, *s.* Mpankasitraka, mpankató. Il a eu peu d'approbateurs. Vitsy no *nankasitraka, nankató* azy.

—, *adj.* Mankasitraka, mankató, mihatoka.

APPROBATIF, IVE, *adj.* Mankasitraka, mankató, mihatoka. Il fit un signe de tête—. *Nihatoka* izy.

APPROBATION, *sf.* 1° Fanekena. Le père donna son—. *Nanaiky* ny rainy. 2°—, Fankasitrahana, fankatoavana. Son discours eut l'— générale. Ny laha-teniny *nankasitrahana, nankatoavin'* ny be sy ny maro. || *loc.* Demander l'— du peuple. Manao teny miera, teny ierana, vaomiera amy ny vahoaka.

APPROCHANT, ANTE, *adj.* Manahatahaka, mifanahatahaka, mitovitovy, sahalahala, mifandraidraika. Ses traits sont approchants de ceux de son père. Ny endriny *manahatahaka* ny an-drainy, *mifanahatahaka*, etc., amy ny andrainy.

Approchant, *adv.* Tokony, sahabo. Il est huit heures ou—. *Tokony, sahabo* ho amy ny valo.

APPROCHE, *sf.* 1° Fanatonana, fanakekezana. A l'—de l'ennemi tout le monde s'enfuit. Tamy ny *nanatonana, nanakekezan'* ny fahavalo nandositra daholo ny olona rehetra. Cette place est de difficile—. Sarotra *hatonina, akaikezina* io tanána io. 2°—, Fanantomorana. Aux approches de la nuit. Rehefa *antomotra* ny alina.

APPROCHER, *va.* Mampanatona, mampanakaiky. Approchez les plats. *Ampanatony, ampanakekezo* ny lovia. —, *vn.* 1° Antomotra, akaiky. Le printemps approche. *Antomotra*, etc., ny lohataona. 2°—, Manahatahaka, mitovitovy, sahalahala, mifandraidraika.

S'approcher, *vpr.* 1° Manatona, manakaiky. Approchez-vous du feu. *Manatóna, manakaikeza* ny afo. 2°—, Antomotra, akaiky.

APPROFONDIR, *va.* 1° Mandalina, manalalina, mankalalina. Approfondissez le trou. *Halalino* ny lavaka. 2° *fig.* Mandinika, mamototra, manadihady. Il a approfondi l'affaire. *Nandinika*, etc., tsara ny raharaha izy.

APPROFONDISSEMENT, *sm.* 1° Fandalinana. 2° *fig.* Fandinihana, famotorana, fanadihadiana.

APPROPRIATION, *sf.* 1° Fanadiovana. 2°—, Fakan-javatr' olona.

APPROPRIÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Voadio, nodiovina, diovina. 2°—, Nampifanarahina, mifanaraka. Il a fait un discours—aux circonstances. Nanao lahateny *nifanaraka* tamy ny toe-javatra izy

APPROPRIER, *va.* 1° Manadio, mandio, manamboatra, mandamina. —la maison. *Manadio*, etc., ny trano. 2°—, Mampifanaraka. —les lois d'un peuple à ses mœurs. *Mampifanaraka* ny lalána amy ny fanaon' ny vahoaka.

S'approprier, *vpr.* Maka zavatr' olona, manandoka. Il s'est approprié à la douane une somme de mille piastres. *Naka* vola arivo tamy ny ladoany izy. Il s'est approprié l'ouvrage d'un autre. *Nosandohany* ho azy ny boky nataon' ny olon-kafa.

APPROUVER, *va.* 1° Manaiky, mihatoka. Le père approuve le mariage de sa fille. *Manaiky* ny hanambadian' ny zanany vavy ny rainy. —par un signe de tête. *Mihatoka.* 2°—, Mankasitraka, mankató. Il a approuvé ma conduite. *Nankasitraka, nankató* ny nataoko izy.

APPROVISIONNEMENT, *sm.* Famatsiana, vatsy, fitaovana, famononana.

APPROVISIONNÉ, ÉE, *p.* et *adj.* Voavatsy, novatsiana, mivatsy, vonompitaovana. Le navire est bien—. *Voavatsy*, etc., tsara ny sambo.

APPROVISIONNER, *va.* Mamatsy, mamonom-pitaovana. — l'armée. *Mamatsy* ny tafika, *mamonom-pitaovana* ho any ny tafika.

S'approvisionner, *vpr.* Manangom-batsy, mamonom-pitaovana, mitao. Je m'approvisionne pour mon voyage. *Manangom-batsy* hoentina amy ny dia halehako aho.

APPROVISIONNEUR, *sm.* Mpamatsy, mpanangom-batsy, mpamonom-pitaovana.

APPROXIMATIF, IVE, *adj.* Tokony, sahabo. Voici le compte — de mes dépenses annuelles. Izao no *tokony, sahabo* ho tontalin' ny laniko isan-taona.

APPROXIMATION, *sf.* Fanombanana.

Par approximation, *loc. adv.* Comme APPROXIMATIVEMENT.

APPROXIMATIVEMENT, *adv.* Tokony, sahabo.

APPUI, *sm.* 1° Tohana, fanohanana. Mettre un — à un mur. Manisy *tohana* rindrina. 2°—, Fiankinana, fitehenana, famahanana. Il ne peut marcher sans un —. Tsy afa-mandeha izy raha tsy misy *fiankinana*, etc. 3° *fig.* Tohana, kiady, fanampiana, fiankinana. Il est l'— de sa famille. Izy no *tohana, kiadin'* ny fianakaviany. Il est sans—. Tsy manan-*kiankinana* izy.

A l'appui, *loc. adv.* Hanamafiana, hanankinana. Il cita un exemple à l'— de ce qu'il disait. Nilaza ohatra izy mba *hanamafiany* izay nolazainy.

APPUI-MAIN, *sm.* Hazokely fiankinan-tánana.

APPUYER, *va.* 1° Manisy tohana, manohana.—une muraille par des piliers. *Manisy tohana*, etc., rindrina. 2°—, Manankina, manatampify, mampitehika, mampitehina, mametraka.—une maison contre une autre. *Manankina, manatampify* trano amy ny hafa. —l'échelle contre un arbre. *Manankina, mampitehika* tohatra amy ny hazo.— les coudes sur la table. *Mampitehin*-kiho ambonin'ny latabatra.—les mains sur la table. *Mametraka* tánana ambonin' ny latabatra. ‖ *loc.* — la joue sur la main. Mitan-takolaka. 3° *fig.* Manohana, manampy, manamafy, manankina. Je vous appuierai. *Hanohana, hanampy* anao aho. J'appuierai votre proposition. *Hanampy, hanamafy* ny hevitra haposakao aho. Sur quoi appuyez-vous votre opinion? Inona no *anankinanao* ny hevitrao?

—, *vn.* 1° Miankina. 2°—, Manindry.—sur la plume. *Manindry* ny penina. 3°—, Maharitra ela, mijanona ela, manonona mafimafy kokoa. — sur un fait. *Maharitra ela, mijanona ela* amy ny zavatra iray izay tantaraina. — sur un mot. *Manonona* tony iray *mafimafy kokoa.*

S'appuyer, *vpr.* 1° Mitohana, misy tohana. 2°—, Miankina, mitampify, miampify, mitehika, mitehina, mamahana. 3° *fig.* Miankina, miantehitra. Il s'appuie sur les grands. *Miankina,* etc., amy ny lehibe izy.

ÂPRE, *adj.* 1° Handatra, maisatra, mafaitra. Vin—. Divay *handatra,* etc. 2°—, Migadragadra, migadraka. Voix—. Feo *migadragadra,* etc. 3°—, Maharary, mangidy, lozabe. Voy. Acerbe. 4°—, Tia kely.— au gain. *Tia kely.*

ÂPREMENT, *adv.* Mafy. Il réprimande trop—. Mananatra *mafy* loatra izy.

APRÈS, *pr.* 1° Aoriana, manarakaraka, rahefa.... nony afaka. — le déluge. *Taorian'*ny safo-drano. Venez me parlerez— la séance. Avia hiresaka amiko *aoriana, manarakaraka* ny fivoriana. — cela, je m'en irai. *Rahefa* vita izany dia handeha aho. Quelques jours — il mourut. *Nony afaka* andro vitsivitsy dia maty izy. — avoir parlé, il s'assit. *Rahefa* tapi-niteny dia nipetraka izy. 2°—, Na dia... aza. —tant d'efforts il n'a pu réussir. *Na dia* nanao izay tratry ny ainy *aza* izy tsy nahomby. ‖ *loc.* Courir— quelqu'un. Manenjika olona. Crier— quelqu'un. Mandevilevy olona. Soupirer—le bonheur. Mitsiriritra ny fahasambarana. Être toujours—quelqu'un. Mananatra, manorisory olona lava. Il est — une affaire importante. Mandinika, manao raharaha lehibe izy. D'—. Araka, manarakaraka. D'—ce qu'il écrit, il viendra dans un mois. *Araka* ny taratasy nosoratany, ho avy izy raha afaka iray volana. L'année d'—il alla à Mojanga. Tamy ny taona *manarakaraka* tany Mojanga izy.

—, *adv.* Rehefa, atohoato, aoriana. Je ferai cela —. Hataoko izany *rehefa,* etc.

Après tout, *loc. adv.* Kanefa, amy ny farany. — tout, je suis content. *Kanefa, amy ny farany* faly hiany aho.

APRÈS-DEMAIN, *adv.* Rahafakampitso.

APRÈS-DÎNER, *sm.* Tapak'andro manaraka ny fisakafoana, mitsidika andro, folaka andro, tolaka andro.

APRÈS-MIDI, *sm.* Tapak'andro manaraka ny mitatao vovonana, mitsidika andro, folaka andro, tolaka andro.

APRÈS-SOUPER, *sm.* Tapak'andro manaraka ny fihinanana hariva.

ÂPRETÉ, *sf.* 1° Hahandatra, hamaisatra, hafaitra. 2°—, Figadragadra, figadraka. 3°—, Hangidy, hamafy, halozana. 4°—, Hahihitra. Voy. Âpre.

APTE, *adj.* Mahazo. Il est — à contracter. *Mahazo* manao fanekena izy.

APTITUDE, *sf.* Hafainganan-tsaina. Il a de l'— pour les langues. *Haingan-tsaina* mba hianatra ny fiteny samihafa izy.

AQUATIQUE, *adj.* 1° Mangeniheny, mangonahona. Terres aquatiques. Tany *mangeniheny,* etc. 2°—, Anaty rano. Oiseaux aquatiques. Vorona *andrano.*

AQUEDUC, *sm.* Fandrana, tetezandrano, lakan-drano.

AQUEUX, EUSE, *adj.* Be rano, matsaotsao, maranorano. Fruits—. Voankazo *be rano,* etc.

AQUILIN, *adj. m.* Be bembon'orona, joko orona. Il a un nez—. *Be bembon' orona, joko orona* izy.

AQUILON, *sm.* Rivotra mangatsiaka avy avaratra.

AQUOSITÉ, *sf.* Hatsaotsao.

ARABE, *s.* et *adj.* Arabo. Langue—. Fiteny *arabo.* Chiffres arabes. Marika *arabo.*

ARABIE, *sf.* Arabia.

ARABIQUE, *adj.* Ao amy ny Arabia, avy any Arabia. Golfe—. Helo-dranomasiny *Arabia.* Gomme —. Ditin-kazo *avy any Arabia.*

ARABLE, *adj.* Azo asaina. Terre—. Tany azo asaina.

ARACK ou **RACK,** *sm.* Toaka, laraka.

ARAIGNÉE, *sf.* Hala. Toile d'—. Tranon-*kala.* Fil d'—. Landin-*kala,*

ARATOIRE, *adj.* Momba ny asan-tany. Instruments aratoires. *Fiasan-tany.*

ARBALÈTE, *sf.* Tsipika.

ARBALÉTRIER, *sm.* Mpandefa tsipika.

ARBITRAGE, *sm.* Fitsaran'ny elanelam-panahy, fanombanana.

ARBITRAIRE, *adj* 1° Araka ny sitrapó, azo anaranam-pó, tsy misy didy. Il donne des punitions arbitraires. Manasazy *araka ny sitra-pony* izy. La chose est—. Azo *anaranam-pó, tsy misy didy* izany. 2°—, Manao jadon-tokana,

— teny tsy valiana. Voy. DESPOTIQUE. —, *sm.* Jadon' ny mpanjaka, jadon-tokana, tenin' andrian-tsy valiana. Tomber dans l'—. Manao *jadon'ny mpanjaka*, etc.

ARBITRAIREMENT, *adv.* Araka ny sitra-pó, am-panaranam-pó, manao jadon' ny mpanjaka, etc.

ARBITRE, *sm.* 1° Elanelam-panahy. Prendre quelqu'un pour—. Mifidy olona ho *elanelam-panahy.* 2°—, Tompo tokana, mpandidy tokana. Dieu est l'— du monde. Andriamanitra no *tompo tokan'* izao tontolo izao, *mpandidy tokana* an' izao tontolo izao. 3°—. Safidy, sitra-pó. L'homme est doué du libre—. Tompon-*tsafidy*, tompon' ny *sitra-pony* ny olombelona.

ARBITRER, *va.* Mitsara, manombana.

ARBORER, *va.* Manangana.— un étendard. *Manangan*-tsaina. 2° *fig.* Mampiseho.—l'incrédulité. *Mampiseho* ny tsy finoana.

ARBRE, *sm.* Hazo. — fruitier. *Hazo* mamoa. L'—de vie. *Hazon*'aina. L'— de la science du bien et du mal. *Hazo* fahalalana ny soa sy ny ratsy. L' —de la croix. Ny *hazo*-fijaliana, *hazo* mitanam-bokovoko.

ARBRISSEAU, *sm.* Hazo madinika.

ARBUSTE, *sm.* Hazo madinidinika.

ARC, *sm.* 1° Tsipika. 2°—, Volan-tsinana, andohalambo.

ARCADE, *sf.* Andohalambo.

ARC-BOUTANT, *sm.* 1° Tohan-drindrina. 2° *fig.* Fiankinana, andry, mpitarika. Il est l' — du complot. Izy no *fiankinana,* etc., ny mpiray tetika.

ARC-DE-TRIOMPHE, *sm.* Vavahady andohalambo fankalazana.

ARCEAU, *sm.* Andohalambo.

ARC-EN-CIEL, *sm.* Antsiben'Andriamanitra, avana.

ARCHANGE, *sm.* Arkanjely.

ARCHE, *sf.* 1° Andohalambon-tetezana. Le pont est composé de six arches. Misy *andohalambo* enina amy ny tetezana. 2°—, Sambo fiara, fiara. L'—de Noé. Ny *sambo fiarany* Noé.—d'alliance. *Fiaran*'ny fanekena.

ARCHÉOLOGIE, *sf.* Arkeolojia, fahaizana momba ny nataon'ny ntaolo.

ARCHÉOLOGIQUE, *adj.* Momba ny arkeolojia.

ARCHÉOLOGUE, *sm.* Mpahay-arkeolojia.

ARCHER, *sm.* Mpandefa tsipika, mpitifitra amy ny tsipika.

ARCHET, *sm.* 1° Fikasihan-dokanga. 2°—, Rivodahy.

ARCHEVÊQUE, *sm.* Arseveka, eveka mifehy eveka vitsivitsy.

ARCHIFOU, FOLLE, *adj.* Adala lefy, adala indrindra.

ARCHIPEL, *sm.* Nosy maro mifanakaiky.

ARCHITECTE, *sm.* Mpanao mari-trano, mpanome marika, tompo-marika.

ARCHITECTURE, *sf.* Fahaizana momba ny mari-trano. C'est un homme versé dans l'—. Olona *mahay* manome *mari-trano* izy.

ARCHIVES, *sf. pl.* 1° Taratasy antitra. 2°—, Trano fitahirizana ny taratasy antitra.

ARCHIVISTE, *sm.* Mpitandrina ny taratasy antitra.

ARÇON, *sm.* Hazon-dasely. ‖ *loc.* Perdre les arçons. Mianjera ambonin' ny soavaly; *fig.* very saina, sanganehana, resy lahatra. Il est ferme sur ses arçons. Mifikitra mafy amy ny hazon-dasely; *fig.* tsy azo songirana amy ny lahateny, tsy mety resy lahatra.

ARCTIQUE, *adj.* Avaratra. Pôle —, Poly *avaratra.*

ARDEMMENT, *adv.* 1° Mafy, fatratra, loatra. Je désire — te voir.. Maniry *mafy,* etc., te-hahita anao aho. 2°—, Amim-pahavitrihana, amim-paharisihana, amin-jotom-pó, amin-kerim-pó.

ARDENT, ENTE, *adj.* 1° Milelalela, midedadeda, mivaivay, mahamay, mangotraka, migaingaina, midaindaina. Fournaise ardente. Memy *milelalela, midedadeda, mahamay.* Charbon —. Vainafo *mivaivay.* Soleil—. Hainandro *mahamay, mangotraka, migaingaina, midaindaina.* ‖ *loc.* Chapelle ardente. Jiro betsaka mirehitra manodidina ny faty. 2° *fig.* Mafy, mirehitra, may, mahamay, mangotraka. Il a un désir—de vous voir. Maniry *mafy* te-hahita anao izy. Il avait un amour— pour Dieu. *Nirehitra, main'* ny fitiavana an'Andriamanitra izy. Fièvre ardente. Tazo *mahamay, mangotraka.* 3°—, Mavitrika, marisika, mazoto, mahery, mahery fo. Il est —au travail. *Mavitrika, marisika, mazoto* amy ny asa, *mahery* miasa izy.

—au combat. *Mahery fo* amy ny ady.

ARDEUR, *sf.* 1° Firehitra, filelalela, fidedadeda, fivaivay, fahamay, fangotraka, figaingaina, fidaindaina. 2° *fig.* Hamafy, firehitra, hamay, fahamay, fangotraka. 3°—, Havitrihana, harisihana, zotom-po, herim-po. Ce cheval est plein d'—. *Mavitrika, marisika* io soavaly io. Son discours enflamma les soldats d'—. Ny laha-teniny nampirehitra ny *herim-pon*'ny miaramila.

ARDILLON, *sm.* Fitrebika amy ny fampoehana.

ARDOISE, *sf.* Solaitra.

ARDOISIÈRE, *sf.* Tany ihadiana solaitra.

ARDU, UE, *adj.* 1° Mideza, mitsangana. Chemin—. Lálana *mideza*, etc. 2°—, Sarotra. Question ardue. Zavatra *sarotra* dinihina.

ARE, *sm.* Foto-pandrefesan-tany misy folo metatra sokera.

ARÈNE, *sf.* Kianja fiadiana nisy ambaratonga manodidina. Descendre dans l'—. Mirotsaka amy ny *kianja fiadiana; fig.* mirotsaka mba hiady hevitra.

ARÉOPAGE, *sm.* 1° Areopajy, fivorian' ny mpitsara tany Athena. 2° *fig.* Fivorian' olo-mahay.

ARÊTE, *sf.* 1° Taolan-kazandrano. 2°—, Somo-bary. 3°—, Rirana. Cette pièce de bois est taillée à vive—. Ity hazo fisaka ity dia marani-*drirana*, velon-*drirana*.

ARGENT, *sf.* Volafotsy, vola, vato, harena. Mine d'—. Tany misy *volafotsy*. Cuillère en —. Sotro *volafotsy*. — en lingot. Anja-*bolafotsy*. —coupé. Vakivakim-*bola*. —faux. *Volafotsy* ankosoka. —en billet. Taratasy *vola*. Amasser de l'—. Mihary *harena*. Il a beaucoup d'—. Be *vola*, be *vato* izy.

ARGENTÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Voahosobolafotsy, nohosoram-bolafotsy. 2°—, Fotsy hoatry ny vola.

ARGENTER, *va.* Manoso-bolafotsy, manao ankoso-bolafotsy.

ARGENTERIE, *sf.* Fanaka volafotsy.

ARGENTEUR, *sm.* Mpanoso-bolafotsy, mpanao ankoso-bolafotsy.

ARGENTIN, INE, *adj.* 1° Hoatry ny feom-bola. Son—. Feom-*bola*. 2°—, Fotsy hoatry ny vola. Couleur argentine. Volom-*bola*.

ARGENTURE, *sf.* 1° Ela-bolafotsy. 2°—, Fahaizana manao ankoso-bolafotsy.

ARGILE, *sf.* Tanimanga.

ARGILEUX, EUSE, *adj.* Misy tanimanga. Rizière argileuse. Tanimbary *misy tanimanga*.

ARGOT, *sm.* 1° Baiko ratsy. 2°—, Fombam-pitenenana.

ARGUER, *va.* Maniny.—un papier de faux. *Maniny* taratasy ho sandoka.

—, *vn.* Maka hevitra. Q'arguez-vous de ce principe? *Hevitra* inona no *alainao* amin'izany foto-kevitra izany.

ARGUMENT, *sm.* Teny manamarina, porofo. Il l'a vaincu par des arguments pressants. Naharesy lahatra azy tamy ny *porofo* tsy misy ialana izy.

ARGUMENTANT, *sm.* Mpanamarina, mpanaporofo.

ARGUMENTATEUR, *sm.* Mpanaporofo foana.

ARGUMENTATION, *sf.* Fanamarinana, fanaporofoana.

ARGUMENTER, *va.* Manamarina, manaporofo. || *loc.* —l'un contre l'autre. Miady hevitra, mifanjinja, mifamango, mifandresy lahatra.

ARGUS, *sm.* 1° Olona lazain' ny angano ho nanana maso zato. 2° *fig.* Mpitsikilo.

ARGUTIE, *sf.* Ady hevitra foana.

ARIDE, *adj.* 1° Maina, ngazana, karankaina. Sol—. Tany *maina*, etc. 2° *fig.* Donto, tsy mahaforona, mangatsiaka, tsy azo itarina, tsy misy renty, — tsiro. Esprit—. Saina *donto*, tsy *mahaforona*. Cœur—. Fo *donto, mangatsiaka*. Sujet—. Foto-teny *tsy azo itarina*. Style—. Laha-teny *tsy misy renty*. Conversation—. Resaka *tsy misy tsiro*.

ARIDITÉ, *sf.* 1° Hamainana, hangazana. 2° *fig.* Hadontoana, fangatsiahampó. —dans la prière. *Fangatsiahampó* amy ny fivavahana.

ARISTOCRATE, *adj.* Tia ny *aristocratie*.

ARISTOCRATIE, *sf.* 1° Fanjakana entin' ny loholona maro. 2°—, Ny andriandahy.

ARISTOCRATIQUE, *adj.* Momba ny *aristocratie*.

ARITHMÉTICIEN, *sm.* Mpahay marika.

ARITHMÉTIQUE, *sf.* Marika.

ARLEQUIN, *sm.* Olona hatsikana manao fitafiana mampihomehy.

ARLEQUINADE, *sf.* Hatsikana.

ARMATEUR, *sm.* Mpanomana sambo.

ARMATURE, *sf.* Vý fanamafisana sakamandimby, milina, etc.

ARME, *sf.* 1° Fiadiana. — à feu. *Fiadiana* mipoaka. Être sous les armes. Mitam-*piadiana*. Aux armes! Raiso ny *fiadiana* ! ‖ *loc.* Faire passer un déserteur par les armes. Mampitifitra miaramila mandositra. 2°—, *pl.* Fomban' ny miaramila, ady. Il a suivi la carrière des armes. Nilatsaka ho *miaramila* izy. Dieu a béni nos armes. Nambinin' Andriamanitra ny *adintsika* 3°—, Ady sabatra. Maître d'armes. Mpampianatra *ady sabatra*. 4°—, Comme ARMOIRIES.

ARMÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Nomena fiadiana, mitam-piadiana, voaomana, nomanina. 2°—, Voatrana, natranina, voavaika, novaikaina. 3° *fig.* Nambosina, novokisana, voatarika, notaritina, voataona, notaomina. 4°—, Misy, nasiana. J'ai un bâton — de fer. Manana langilangy *misy* vý aho.

ARMÉE, *sf.* Miaramila, mpiantafika, foloalindahy, tafika. Lever une—. Mamory *miaramila, mpiantafika*. L'— s'avance contre l'ennemi. Ny *miaramila*, etc., mandroso mba hamoly ny fahavalo.

ARMEMENT, *sm.* 1° Fanomezam-piadiana, fanomanana, fiomanana, fampitaovana, fitaovana. 2° —, Fivononankiady.

ARMER, *va.* 1° Manome fiadiana, manomana, mampitao. — les soldats. *Manome fiadiana* ny miaramila. — un navire. *Manomana, mampitao* sambo. 2°—, Manatrana, mamaika. —un fusil.*Manatrana*, etc., basy. 3° *fig.* Mampisarongatra, manambosy, mamoky, mitarika, mitaona. — un fils contre son père. *Mampisarongatra*, etc., ny zanaka hanohitra ny rainy. 4° —, Manisy. — le dessus d'un portail de pointes aiguës. *Manisy* fantsika maranitra ao ambonin' ny tataom-bavahady. — une poutre de bandes de fer. *Manisy* anjabý amy ny sakamandimby hanamafisana azy.

—, *vn.* Mamonona miaramila sy fiadiana. Les puissances arment. *Mamonona miaramila sy fiadiana* ny fanjakana samihafa.

S'armer, *vpr.* 1° Mandray fiadiana, miomana, mivonona, mitao. Il s'arma d'un bâton. *Nandray* langilangy izy. 2° *fig.* Mivonona. Il faut s' — de patience dans l' infortune. Tsy maintsy *hivononkandefitra* eo anatin' ny fahoriana.

ARMISTICE, *sm.* Fijanonan' ny ady amy ny andro vitsivitsy ifanaikena.

ARMOIRE, *sf.* Lalomoara.

ARMOIRIES, *sf. pl.* Famantaram-piandrianana. — de l'évêque. *Famantarampiandrianan'* ny eveka.

ARMURE, *sf.* Fiadiana hiarovan-tena.

ARMURIER, *sm.* Mpanao sy mpivarotra fiadiana.

AROMATE, *sm.* Zava-manitra avy amy ny zava-maniry.

AROMATIQUE, *adj.* Manitra.

AROMATISATION, *sf.* Fanisian-javamanitra, fanamanirana.

AROMATISER, *va.* Manisy zava-mamitra, manamanitra. — le vin. *Manisy zava-manitra* ny divay.

AROME, *sm.* Hani-java-maniry.

ARPENT, *sm.* Foto-pandrefesan-tany taloha.

ARPENTAGE, *sm.* Fandrefesan-tany, fahaizana mandrefy tany.

ARPENTER, *va.* 1° Mandrefy tany. 2° *fig.* Manao dia faingana, — dinganadava.

ARPENTEUR, *sm.* Mpandrefy tany.

ARPENTEUSE, *adj.* et *sf.* Oli-panjehy.

ARQUEBUSE, *sf.* Basin' ny ntaolo.

ARQUER, *va.* Manao hoatry ny andohalambo, — ny volan-tsinana, manantsika. — une barre de fer. *Manamboatra* tsora-bý *hoatry ny andohalambo*, etc.

—, *vn.* Mihantsika, milantsika, miletsy, mivokoka, mamokoka. La poutre commence à —. Manambana *mihantsika*, etc., ny sakamandimby.

S'arquer, *vpr.* Mihantsika, milantsika, miletsy, mivokoka, mamokoka.

ARRACHEMENT, *sm.* Fanongotana, fanombotana, fanatsoahana, fanalána.

ARRACHE-PIED (D'), *adv.* Tsy ankijanona, tsy an-kiatoato. Travailler d'—. Miasa *tsy an-kijanona*, etc.

ARRACHER, *va.* 1° Manongotra, manombotra, manatsoaka, manala, miavotra, mandriry, manorotra, manesotra, manendaka.— un arbre. *Manongotra, manombotra* hazo. — un clou, une épine. *Manombotra, manatsoaka, manala* fantsika, tsilo.—des dents. *Mana-*

la nify. —les semis de riz. *Miavo*-ketsa.— des herbes à brûler. *Manongo*-kitay. Arrachez les feuilles de ce mûrier. *Ririso, orosy* ny ravin'io vorihazo io. —une affiche. *Manala, manesotra, manendaka* peta-gazety. —un fils à sa mère. *Manesotra* zanaka eo am-pelatánandreniny. 2° *fig.* Manesotra, manafaka, mampi..., mampa.... On ne peut l'— du jeu. Tsy azo *esorina* amy ny kilalao izy. Je l'ai arraché à la misère. *Nanafaka* azy tamy ny faboriana aho. Je n'ai pu lui—une parole. Tsy azoko *nampi*tenenina izy. —des larmes. *Mampi*tomany.

S'arracher, *vpr.* 1° Misaraka. Je ne saurais m'— d'auprès de vous. Tsy *mahasaraka* anao aho. 2°—, Mifandrombaka. Les enfants s'arrachaient les fruits. *Nifandrombaka* ny voankazo ny ankizy.

ARRACHEUR, *sm.* Mpanala. —de dents. *Mpanala* nify.

ARRANGEMENT, *sm.* 1° Fanamboarana, famboarana, fandaminana, filaminana, fandantoana, filantoana, fandaharana, filaharana, fandrindrana, firindrana. Il est chargé de l'— des livres. Izy no miandraikitra ny *fandaminana, fandantoana, fandaharana* ny boky. 2°—, Fifanarahana. Faire un—entre deux personnes. *Mampifanaraka* olona roa.

ARRANGER, *va.* 1° Manamboatra, mandamina, mandanto, mandahatra, mandrindra. — un différend. *Manamboatra* ady.—une maison. *Manamboatra* trano.—ses affaires. *Manamboatra,* etc., ny raharahany. 2°—, Tiana, mahasoa. Cela ne m'arrange pas. Tsy *tiako,* tsy *mahasoa* ahy izany.

S'arranger, *vpr.* 1° Mifanaraka. Ils se sont arrangés. *Nifanaraka* izy ireo. 2°—, Manao izay.... Arrangez-vous pour me payer. *Ataovy izay* handoavanao ny volako.

ARRÉRAGES, *sm.pl.* Ny sisa tsy voaloa.

ARRESTATION, *sf.* Fisamborana.

ARRÊT, *sm.* 1° Fitsarana, didy. Casser un—. Manafoana *fitsarana.* Les juges ont prononcé contre lui un—de condamnation. Ny mpitsara efa namoaka *didy* fanamelohana azy. Ses paroles sont des arrêts. *Didy* ny teniny. 2°—, Fisakanana, fampijanonana. Ce chien sait tenir le gibier en—. Ity alika ity mahay *misakana, mampijanona* ny zavatra hazaina. 3°—, Fisamborana, fakam-pananana, famaboana. ‖ *loc.* Maison d'—. Tranomaizina. 4°—, *pl.* Fihibohana. Le capitaine a été mis aux—. *Nahiboka* tao an-tranony ny kapiteny.

ARRÊTÉ, *sm.* Didy. Le gouverneur a publié un —. Ny governora namoaka *didy* anankiray.

ARRÊTÉ, ÉE, *p.* et *adj.* Voasakana, nosakanana, nampijanonina, voatampina, notampenana, voahazona, nohazonina, natsahatra, voatana, notánana. 2°—, Voasambotra, nosamborina, nalaina, voababo, nobaboina. 3°—, Raikitra, voaraikitra, naraikitra. C'est une affaire arrêtée. *Raikitra* izany. Il a des idées arrêtées. *Raikitra* ny heviny, mahita mazava izy, mitompo teny fantatra izy.

ARRÊTER, *va.* 1° Misakana, mampijanona, manampina, mihazona, mampitsahatra, mitana.— quelqu'un qui s'enfuit. *Misakana* olona mandositra.—une montre, un cheval. *Mampijanona* famantaranandro, soavaly.— le sang. *Manampin*-drá.— une porte. *Mihazona* varavarana.—une sédition. *Mampitsahatra* fikomiana. Rien ne peut l'—. Tsy azo na inona na inona *sakanana, hazonina* izy. Le plaisir ne l'arrête pas. Tsy *mihazona, mitana* azy ny hafaliana. 2°—, Misambotra, maka, mamabo.— un voleur. *Misambotra* tontakely. Le créancier a fait—ses chevaux. Nasain'ny tompon-trosa *halaina, hobaboina* ny soavaliny rehetra. 3°—, Manao fanaikena. — un domestique, un logement. *Manao fanaikena* amy ny mpikarama, ny amy ny trano. 4°—, Mandraikitra.—un plan. *Mandraikitra* fikasana.

—, *vn.* Mijanona. Nous arrêtâmes à Ambohimanga. *Nijanona* tany Ambohimanga izahay. Arrêtez, qu' allez-vous faire? *Mijanóna,* inona ity hataonao ?

S' arrêter, *vpr.* 1° Mijanona, mitsahatra, mianina, miato. Il s'arrête de temps en temps aux montées. *Mijanona, mianina, miato* indraindray ao am-piakarana izy. 2°—, Mandraiki-tsaina. Il s'est arrêté à la première idée. *Nandraikitra ny sainy* tamy ny hevitra voalohany izy.

ARRHES, *sf. pl.* Fitanam-barotra, tsatóka.

ARRIÈRE, *sm.* Vody. L'— d'un navire. Ny *vody* sambo.

—, *adv.* Lavitra, mialá.— le mensonge. *Lavitra* ahy ny lainga.— de moi, Satan. Mialá amiko, ry Satana.

En arrière, *loc. adv.* 1° Aoriana, an-koa-

tra. Il est en—. Ao *aoriana* izy. Rester en—. *Miaoriana*, mitambotsotra. L'armée est en—du bois. Any *an-koatry ny* ala ny tafika. || *loc.* Retourner en—. Miverina ilálana. Faire un pas en—. Mihemotra indray mandingana. 2° *fig.* Diso fotoana, tsy maharaka. Il est en—pour ses paiements. *Diso fotoana* amy ny fandoavany ny trosany izy. Cet écolier est en— de ses camarades. *Tsy maharaka* ny namany io mpianatra io.

ARRIÉRÉ, *sm.* Ny sisa tsy voaloa. 2° —, Somotr' asa, sisan-draharaha.

ARRIÉRÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Miaoriana. 2° *fig.* Diso fotoana, nelaina, tsy maharaka ny namana, votsa saina. Enfant—. Zazalahy *tsy maharaka ny namany, votsa saina.*

ARRIÈRE-GARDE, *sf.* Vody ady, vody lálana.

ARRIÈRE-GOÛT, *sm.* Ny faharatsiana na ny fahatsaran' ny zavatra rahefa tafatelina. || *loc.* Qui laisse un— de douceur. Mangananganana.

ARRIÈRE-NEVEU, *sm.* ou **—NIÈCE,** *sf.* Zafin-drahalahy na zafin' anabavy.

ARRIÈRE-PENSÉE, *sf.* An-kifonofono. Il a toujours quelque—. Manao *ankifonofono* mandrakariva izy.

ARRIÈRE-PETIT-FILS, *sm.* ou **—PETITE-FILLE,** *sf.* Zafiafy.

ARRIÈRE-POINT, *sm.* Tampody.

ARRIÉRER, *va.* Manela. —un payement. *Manela* ny fandoavam-bola.

S'arriérer, *vpr.* 1° Miaoriana, mitambotsotra. 2° *fig.* Diso fotoana, manela ny fandoavam-bola, tsy maharaka.

ARRIÈRE-SAISON, *sf.* Fara fararano. || *loc.* Fruits de l'—. Zandrim-boankazo, voankazo mialin-taona.

ARRIMER, *va.* Mampirina entana amy ny sambo.

ARRIVAGE, *sm.* Fahatongavan-tsambo, fahatongavam-barotra ao amy ny seranana. Nos arrivages furent interceptés par les ennemis. Notapahin' ny fahavalo ny *fahatongavam-barotra ao amy ny seranantsika.*

ARRIVÉ, ÉE, *p.* Tonga, tamy, ningadona, tafatody, tafantsona.

ARRIVÉE, *sf.* Fahatongavana, fihaviana, fihavy. Le jour de son—il m'a visité. Tamy ny andro *nahatongavany* dia namangy ahy izy.

ARRIVER, *vn.* 1° Tonga, avy, tamy, mby, mingadona, mitody, miantsona.—à bon port. *Tonga* soa aman-tsara. Voici mon ami qui arrive. Indro *tonga, avy, tamy, mby* ao, *mingadona* ny sakaizako. Le navire est arrivé au port. *Tonga, mby, nitody, niantsona* ao an-tseranana ny sambo. 2° *fig.* Mahazo, mahita, tonga, mby, mahatratra, sendra. Il est arrivé aux honneurs. *Nahazo* voninahitra izy. Il m'arrive un malheur. *Mahazo, mahita* faboriana aho. La nuit arrive. *Tonga* ny alina. J'arrive à la seconde pensée. Efa *tonga*, efa *mby* amy ny hevitra faharoa aho. Il est arrivé à une heureuse vieillesse. *Nahatratra* tsara ny fahanterana izy, *tratra* antitra izy. S'il arrive que vous passiez tout près, venez me voir. Raha *sendra* mandalo akaiky hianao, mitsidiha ahy.

ARROGAMMENT, *adv.* Anavonavona, ananjonanjona.

ARROGANCE, *sf.* Avonavona, anjonanjona, aingitraingitra. Ce jeune homme a beaucoup d'—. Be *avonavona*, etc., ity zazalahy ity. Parler avec—. Miteny *anavonavona, ananjonanjona.*

ARROGANT, ANTE, *adj.* et *s.* Mpiavonavona, mpianjonanjona, mpiaingitraingitra.

ARROGER (S'), *vpr.* Mihambo ho manana, mivolon-tompony. Il s'arroge un pouvoir qui il n'a pas. *Mihambo ho manana* ny fahefana tsy ananany izy.

ARRONDIR, *va.* 1° Manavorivory, manakivorivory, manaboribory, manakiboribory. Arrondissez ce bois. *Vorivorio, boriborio* io hazo io. 2° *fig.* Mandahatra, mandrindra, mandamina. — ses phrases. *Mandahatra*, etc., ny fehezanteniny. 3°—, Mampitombo, manitatra. — sa propriété. *Mampitombo*, etc., ny faritry ny taniny.

S'arrondir, *vpr.* 1° Mihavorivory, mihaboribory. 2° *fig.* Mitombo, mitatra, mitombo harena.

ARRONDISSEMENT, *sm.* 1° Fanavorivoriana, havorivory, fanaboriboriana, haboribory. 2° *fig.* Fandaharana, filahatra, fandrindrana, firindrana, fandaminana, filaminana. 3°—, Fizaran-tany.

ARROSAGE, *sm.* Fitarihan-dranovelona mba hanondrahan-tany.

ARROSEMENT, *sm.* Fanondrahana, fandemana.

ARROSER, *va.* Manondraka, mandena. —les choux. *Manondraka* laisoa. — des plants d'arbres. *Manondraka,*

mandena zana-kazo. — de ses larmes. *Manondra*-dranomaso.

ARROSOIR, *sm.* Siny vifotsy fanondrahana.

ARSENAL, *sm.* Trano fitahirizam-piadiana.

ARSENIC, *sm.* Arsenika.

ART, *sm.* Fahaizan-javatra, fahaizana. L'— oratoire. Ny *fahaizana* mandahateny. L'— d'écrire. Ny *fahaizana* mandaha-teny an-tsoratra. Les arts mécaniques. Ny *fahaizan*-taozavatra. Ce livre est écrit avec—. Voasoratra tamim-*pahaizana* ity boky ity. Vous avez l'—de plaire. *Mahay* mamafalifaly olona hianao.

ARTÈRE, *sf.* Hoza-pó, artera.

ARTICLE, *sm.* 1° Antoko, tsinjara. La loi renferme vingt articles. Ny lalána misy *antoko, tsinjarany* roapolo. 2°—, Zavatra, varotra. Quel est le second— qu'il traite? Inona no *zavatra* faharoa lazainy? Quels sont les articles que vous vendez? Inona avy no *zavatra, varotra* amidinao?—de foi. *Zavatra* tsy maintsy hinoana, teny finoana. ‖ *loc.* Il est à l'— de la mort. Efa mby ambavahoana izy. 3°—, Teny mametra ny anarana manaraka azy.

ARTICULATION, *sf.* 1° Fanononana tsara. 2°—, Famavány, tonon-taolana.

ARTICULÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Voatonona tsara, notononina tsara. 2°—, Mitohy, misy famavány, — tonona.

ARTICULER, *va.* Manonona tsara. Articulez bien tous les mots. *Tonóny* tsara ny teny rehetra.

S'articuler, *vpr.* Mitohy, misy famavány, — tonona.

ARTIFICE, *sm.* 1° Fahaizana. L'— de son style séduit. Maharenoka ny *fahaizany* mandaha-teny. 2°—, Hafetsena. Il use sans cesse d'—. Manao an-*kafetsena* mandrakariva izy 3°—, Kilalaombanja. Feu d'—. *Kilalaom-banja.*

ARTIFICIEL, ELLE, *adj.* Ataon' ny olona. Fleurs artificielles. Voninkazo *ataon' ny olona.*

ARTIFICIELLEMENT, *adv.* Amimpahaizana.

ARTIFICIER, *sm.* Mpanao kilalaombanja.

ARTIFICIEUSEMENT, *adv.* An-kafetsena.

ARTIFICIEUX, EUSE, *adj.* Feno hafetsena. Homme, langage—. Lehilahy, fiteny *feno hafetsena.*

ARTILLERIE, *sf.* 1° Tafondro. — de campagne. *Tafondro* mandeha. 2°—, Rainiolona. Officier d'—. Manamboninahitra amy ny *rainiolona.*

ARTILLEUR, *sm.* Mpandefa tafondro, rainiolona.

ARTIMON, *sm.* Salazana amy ny vody sambo.

ARTISAN, *sm.* 1° Mpiasa. 2° *fig.* Fototra. Il est l' — de sa fortune. Izy no *fototry* ny hareny.

ARTISTE, *s.* Olo-mahay.

ARTISTEMENT, *adv.* Amim-pahaizana.

AS, *sm.* Baondy.

ASCENDANT, ANTE, *adj.* Miakatra, misondrotra. ‖ *loc.* La ligne ascendante. Ny razana.

ASCENDANT, *sm.* 1° Hery, fitarihana, fitaomana. L' — de la vertu. Ny *herin'* ny hatsaram-panahy. Avoir de l'— sur quelqu' un. *Mahatarika, mahataona* olona.

ASCENSION, *sf.* Fiakarana, fisondrotana. L' — de Notre-Seigneur. Ny *niakaran'* ny Tompontsika tany an-danitra.

ASCENSIONNEL, ELLE, *adj.* Mampisondrotra. Force ascensionnelle. Hery *mampisondrotra.*

ASCÈTE, *s.* Olona mahery mivavaka.

ASCÉTIQUE, *adj.* Momba ny fitiavambavaka. Ouvrage —. Boky *momba ny fitiavam-bavaka.*

ASIE, *sf.* Azia.

ASILE, *sm.* 1° Fiarovana, fialofana. Les criminels cherchaient autrefois un — auprès des autels. Taloha ny olo-meloka nitady *fiarovana*, etc., tao akaikin' ny otely. 2° *fig.* Aro, fialofana. Le Seigneur est mon —. Ny Tompo no *aroko, fialofako.* 3° —, Fitoerana. Cette campagne est un —délicieux. *Fitoerana* mahafinaritra ity saha ity. ‖ *loc.* Salle d' —. Trano fianaran' ny zaza kely.

ASPECT, *sm.* 1° Fahitana. Je tremble à l' — d' un serpent. Mampangovitra ahy ny *fahitako* bibilava. 2° —, Endrika, toetra. L' — de cette maison est très agréable. Mahafinaritra ny *endrik'* io trano io. Il a un — noble. Mendrika ny *toetrany.* Considérer une affaire sous tous ses aspects. Mandinika raharaha anaukiray araka ny *toetrany* samihafa.

ASPERGER, *va.* Mamafy rano.

ASPÉRITÉ, *sf.* 1° Haraorao, hasaosao, faharokoroko. L' — d' une pierre.

Ny *haraoarao, hasaosao, faharokorokon'* ny vato. 2° —, Fikitoantoana. Les aspérités du terrain. Ny *fikitoantoan'* ny tany.

ASPERSION, *sf.* Famafazan-drano.

ASPERSOIR, *sm.* Zavatra famafazandrano voahasina.

ASPHYXIANT, ANTE, *adj.* Mahasempotra. Odeur asphyxiante. Fofona *mahasempotra.*

ASPHYXIE, *sf.* Hasemporana mahafaty.

ASPHYXIÉ, ÉE, *adj. p.* et *s.* Sempotra, nosemporina, maty sempotra. Il fut— dans l' eau. *Maty sempotra* tao anaty rano izy.

ASPHYXIER, *va.* Manempotra mahafaty.

S'asphyxier, *vpr.* Mamono tena amy ny hasemperana, manempotra ny tenany.

ASPIC, *sm.* Bibilava be poizina.

ASPIRANT, ANTE, *adj.* Mifoka, mitroka. Pompe aspirante. Pompa *mifoka,* etc., rano.

ASPIRATION, *sf.* 1° Fifohana, fitrohana. 2°—, Fanononana an-tenda. 3°—, Faniriana.

ASPIRÉ, ÉE, *adj.* Tononina an-tenda. Cette *h* est aspirée. *Tononina an-tenda* ity *h* ity.

ASPIRER, *va.* 1° Mifoka, mitroka. Il aspire une grande quantité d'air. *Mifoka, mitroka* rivotra betsaka izy. 2° —, Manonona an-tenda.

—, *vn.* Maniry, mitady, mikendry, mitsiriritra. — à un emploi. *Maniry, mitady, mikendry* raharaha anankiray. — à la gloire. *Mitsiriri*-boninahitra.

ASSAILLANT, *sm.* Mpamely, mpanani-bohitra.

ASSAILLIR, *va.* 1° Mamely, manani-bohitra. — l'ennemi. *Mamely* ny fahavalo. — une ville. *Manani-bohitra.* 2° *fig.* Mamely, miantontona, mitangorona. La tempête nous assaillit. *Namely* anay ny tafio-drivotra. Tous les malheurs l'assaillirent à la fois. *Niantontonana, nitangoronan'* ny loza rehetra izy.

ASSAINIR, *va.* Manala fofon-dratsy, mahatonga hasalamana.

ASSAINISSEMENT, *sm.* Fanalana fofon-dratsy.

ASSAISONNEMENT, *sm.* Zavatra mahatsiro, —mahafy. 2°—, Fanatsiroana.

ASSAISONNER, *va.* 1° Manatsiro. Il a bien assaisonné ce mets. *Nanatsiro* tsara ity nahandro ity izy. 2° *fig.* Mandaro. Il a assaisonné son discours de traits piquants. *Nandaro* ny laha-teniny tamy ny teny be sira izy.

ASSASSIN, *sm.* Mpanao vonomòka, mpamono olona.

ASSASSINAT, *sm.* Vonoana olona, vonomoka.

ASSASSINER, *va.* 1° Manao vonomoka, mamono olona. On l'assassina sur le grand chemin. Natao *vonomoka, novonoin'* olona tany an-dálambe izy. 2° *fig.* Manahirana, mahadikidiky. Il m'assassine du récit de ses aventures. *Manahirana,* etc., ahy amy ny tantaran' ny nataony izy.

ASSAUT, *sm.* Fananihan-bohitra. Livrer un— à une ville. *Manani-bohitra.* 2° *fig.* Famelezana. Les passions nous livrent toujours des assauts. Ny filan-dratsin' ny nofo *mamely* antsika mandrakariva. 3°—, Fifampiadiana. Ils font— d'esprit. *Mifampiady* karajia izy ireo.

ASSEMBLAGE, *sm.* 1° Fanakambanana, fikambanana, fanambárana, fitambarana. 2° *fig.* Fifangaroana, fiharoana. Il y a dans cet individu un— de vertus et de vices. *Mifangaro* ao amin' io olona io ny hatsaram-panahy sy ny haratsiam-panahy.

ASSEMBLÉE, *sf.* Fivoriana, fiangonana, kabary, fanonana. On convoqua le peuple à une—générale. Noaibina ho amy ny *fivoriana, kabary* lehibe ny vahoaka. On a fixé au jeudi le jour de l'—. Alakamisy no andro voatendry *hivoriana, hiangonana.*

ASSEMBLER, *va.* 1° Manangona, mamory, manaika. — des matériaux pour une maison. *Manangona* zavatra hanaovan-trano. — des troupes. *Manangona, mamory* miaramila. — le peuple. *Manangona,* etc., ny vahoaka. 2°—, Manakambana, manambatra, mampiady. — des planches. *Manakambana,* etc., hazo fisaka.

S'assembler, *vpr.* 1° Miangona, mivory. Le conseil s'assemble. *Miangona,* etc., ny mpanolo-tsaina. 2° —, Mikambana. Qui se ressemble s'assemble. Izay mitovitovy hevitra dia *mikambana.*

ASSÉNER, *va.* Mandaboka, manjezika, manjera. Il lui asséna un coup de

bâton. *Nodabohany, nozezehany, nozerany* ny langilangy izy.

ASSENTIMENT, *sm.* Fanekena, fankasitrahana, fankatoavana. Cet avis eut l'— général. Izany hevitra izany *nekena, nankasitrahana, nankatoavin'* izy rehetra.

ASSEOIR, *va.* 1° Mametraka, manombina. Asseyez bien cet enfant sur la chaise. *Apetrâho, atombeno* tsara eo ambony seza io zaza kely io. 2° —, Manorina. — les fondements d'une maison sur le roc. *Manorina* trano ambonin' ny vatolampy. Il a assis son camp près du fleuve. *Nanorin*-dasy teo akaikin' ny ony izy. 3° *fig.* —un fondement sur... Matoky. On ne peut— aucun fondement sur ce qu'il dit. Tsy azo *itoktana* ny nolazainy.

S'asseoir, *vpr.* Mipetraka, mitombina. ‖ *loc.* S'— les jambes croisées comme les tailleurs. Mitalapetraka. S'— les jambes allongées. Mivalampatra.

ASSERMENTÉ, ÉE, *adj.* Nivelirano, nianiana. Juge—. Mpitsara efa *nivelirano,* etc.

ASSERMENTER, *va.* Mampivelirano, mampianiana.

ASSERTION, *sf.* Ny lazaina, filazana.

ASSERVIR, *va.* 1° Mampanaiky, manandevo. Ce roi asservit plusieurs nations. *Nampanaiky* firenena maro izany mpanjaka izany. Il asservit le peuple. *Manandevo* ny vahoaka izy. 2° *fig.* Manandevo, mamolaka, mandresy. Les passions asservissent l'homme. Ny filan-dratsy *manandevo* ny olona. Heureux celui qui asservit ses passions. Sambatra izay *mamolaka, mandresy* ny filan-dratsiny.

S'asservir, *vpr.* Manaiky.

ASSERVISSANT, ANTE, *adj.* Mahandevo.

ASSERVISSEMENT, *sm.* Fahandevozana, fanandevozana.

ASSESSEUR, *sm.* Lefitry ny mpitsara.

ASSEZ, *adv.* 1° Aoka izay, hiany, ampy, sahaza, antoniny. C'est —. *Aoka izay.* Cela est — bien. Tsara *hiany* izany. — long. Lavalava *hiany.* J'ai — de riz. *Ampy* ny variko, *sahaza* ahy ny variko. Il a — de courage. *Antoniny* ny herim-pony. 2° —, Loatra, be loatra. Il est — étrange que vous refusiez. Mabagaga *loatra* raha mandá hianao.

ASSIDU, UE, *adj.* Tsy diso, mazoto, mifantsika, milozoka. C'est un écolier —. Mpianatra *tsy diso, mazoto.* Il est — à l'étude. *Mazoto, mifantsika, milozoka* amy ny fianarana izy. 2° —, Tsy an-kijanona, tsy an-kitsahatra, lalandava. Il a un travail —. Manana raharaha *tsy an-kijanona,* etc., izy.

ASSIDUITÉ, *sf.* Fahazotoana, fifantsihana, filozohana.

ASSIDÛMENT, *adv.* 1° Am-pahazotoana. 2° —, Lalandava.

ASSIÉGÉS, *sm. pl.* Ny atao fahirano.

ASSIÉGEANT, ANTE, *adj.* Manao fahirano. L'armée assiégeante. Ny *mpanao fahirano.*

—, *sm. pl.* Mpanao fahirano.

ASSIÉGER, *va.* 1° Manao fahirano. On va — la ville. *Hatao fahirano* ny tanána. 2° *fig.* Mitangorona, mitangongo, mibosesika. La foule assiégeait la porte du tribunal. Ny vahoaka *nitangorona,* etc., tao am-baravaran' ny trano fitsarana. 3° —, Manenjika, manahirana. Son créancier l'assiège tous les matins. Ny tompon-trosa *manenjika* azy isa-maraina. Cet homme m'assiège tout le jour. *Manahirana* ahy mandritra ny andro io olona io.

ASSIETTE, *sf.* 1° Lovia, vilia. 2° —, Toerana, fitombenana. Les murs ont pris leur —. Naka *toerana* ny rindrina. Ce malade ne peut trouver une bonne —. Tsy mahita *toerana, hitombenana* tsara io marary io. Il n'est pas dans son — ordinaire. Tsy *mitombina* araka ny fanaony izy. 3° —, Fizarazaran-ketra. Faire l' — de l'impôt. *Mizarazara ny hetra.*

ASSIETTÉE, *sf.* Eran' ny lovia, iray lovia.

ASSIGNATION, *sf.* 1° Fanokanana. 2° —, Fiantsoana olona hotsaraina.

ASSIGNER, *va.* 1° Manendry, manokana. — un rendez-vous. *Manendry* fotoana. Il m'a assigné une rente de cent piastres sur ses terres. *Nanokana* ariary zato isan-taona ho ahy avy amy ny taniny izy. 2° —, Mampaka olona hotsaraina, miantso —. On l'a assigné devant les juges. *Nampanalaina, nantsoina* ho eo anatrehan' ny mpitsara izy.

ASSIMILATION, *sf.* 1° Fampitahana, fanoharana. 2° —, Fandraisana tsironjavatra ivelomana.

ASSIMILER, *va.* Mampitovy, mampanahaka, mampitaha, manohatra. L'ivrognerie assimile l'homme à la brute.

Ny hamamoana *mampitovy, mampanahaka* ny olona amy ny biby. — une chose à une autre. *Mampitaha, manohatra* zavatra anankiray amy ny hafa.

S'assimiler, *vpr.* 1° Mampitaha tena, manoha-tena. 2°—, Mandray tsiron-javatra ivelomana. Les plantes s'assimilent les sucs de la terre. Ny zava-maniry *mandray* ny *tsiron'* ny tany iveloma ny.

ASSIS, ISE, *p.* et *adj.* Tafapetraka, voapetraka, napetraka, mipetraka, tafatombina, voatombina, natombina, mitombina. Voy. Asseoir. 2°—, Voaorina, naorina, miorina. La ville est assise sur une montagne. *Voaorina,* etc., ao an-tendrombohitra ny tanána.

ASSISE, *sf.* Vato iray andalana, tany iray tovana.

ASSISTANCE, *sf.* 1° Fanatrehana, famonjena, fivoriana. 2° —, Fanampiana, vonjy, fitahiana. Implorer l'—de quelqu' un. Mihanta *fanampiana,* etc., amin' olona.

ASSISTANT, ANTE, *s.* et *adj.* 1° Mpanatrika. 2°—, Mpanampy.

ASSISTER, *vn.* Manatrika, mamonjy. J'assistai au jugement. *Nanatrika* ny fitsarana aho.— à la messe. *Mamonjy* lamesa.

—, *va.* 1° Manampy, mamonjy, mitahy.— les pauvres. *Manampy, mamonjy* ny mahantra. Dieu m'a assisté. *Nanampy, namonjy, nitahy* ahy Andriamanitra. 2°—, Miaraka. Il était assisté de deux gendarmes. Nisy polisy roalahy *niaraka* taminy.

ASSOCIATION, *sf.* 1° Fikambanana, fiombonana. 2°—, Fikambanana.

ASSOCIÉ, ÉE, *adj.* et *s.* Namana, mpikambana, mpiombona.

ASSOCIER, *va.* 1° Manome ho namana. 2°—, Maka ho namana, — ho mpiombona. Je l'ai associé à mon emploi. *Nalaiko ho namana* tamy ny raharahako izy. Il a associé son fils à son commerce. *Naka* ny zanany lahy *ho mpiombom*barotra aminy izy. 3° *fig.* Manakambana.

S'associer, *vpr.* 1° Manao fikambanana, mikambana, miombona. 2°—, Mikambana, akambana. Ces deux idées ne peuvent s'—. Tsy azo *akambana* ireo hevitra roa ireo.

ASSOMBRIR, *va.* 1° Manamaizina, mampanjombona. 2° *fig.* Mampanjonitra.

S'assombrir, *vpr.* 1° Mihamaizina, mihamanjombona. 2° *fig.* Mihamanjonitra. Voy. Sombre.

ASSOMMANT, ANTE, *adj.* Mahadikidiky, mahadiboka, mahafaty.

ASSOMMER, *va.* 1° Mamono mahafaty. Il assomma le bœuf d'un coup de massue. *Nahafaty* ny omby tamy ny kanonta izy. 2°—, Mametsapetsaka, manavokavoka, manontatonta, mandarodaroka, mandabodaboka, mamangovango, manjezika, manao vely kary, manao kapo-tandrimo. Il assomme ses esclaves. *Mametsapetsaka,* etc., ny mpanompony izy. 3° *fig.* Mahadikidiky, mahadiboka, mahafaty. Il m'a assommé de questions. *Nahadikidiky, nahadiboka* ahy tamy ny fanontanitaniana izy. La chaleur m'assomme. *Matin'* ny hafanána aho.

ASSOMMOIR, *sm.* 1° Kanonta famonoana omby. 2°—, Langilangy.

ASSOMPTION, *sf.* Ny nampakarana any Masina Mary any an-danitra.

ASSORTI, IE, *adj.* 1° Be entana, be fanaka. Marchand bien—. Mpivarotra *be entana,* etc. 2°—, Mifanaraka, mifanambina. Epoux assortis. Mpivady *mifanaraka,* etc.

ASSORTIMENT, *sm.* 1° Famononana entana. 2°—, Fifanarahana.

ASSORTIR, *va.* Mamonona entana. — une boutique. *Mamonona entana* amy ny trano fivarotana. 2°—, Manakambana zavatra mifanaraka.— des couleurs. *Manakambana* loko *mifanaraka.*

—, *vn.* Mifanaraka. Ces couleurs n'assortissent pas bien ensemble. Tsy *mifanaraka* tsara ireo loko ireo.

S'assortir, *vpr.* Mifanaraka, mifanambina.

ASSORTISSANT, ANTE, *adj.* Mifanaraka. Voici une étoffe assortissante à la vôtre. Indro ny lamba *mifanaraka* amy ny anao.

ASSOUPIR, *va.* 1° Maharendremana, mampatoritory. Ce remède m'assoupit. *Maharendremana,* etc., ahy izany fanafody izany. 2° *fig.* Manaketraka, mampitony, mampionona.— la douleur *Manaketraka,* etc., ny alahelo. — une sédition. *Mampitony, mampionona* fikomiana.

S'assoupir, *vpr.* 1° Rendremana, matoritory. 2° *fig.* Mihaketraka, mitony, mionona.

ASSOUPISSANT, ANTE, *adj.* Maharendremana, mampatoritory.



ASSOUPISSEMENT, *sm.* 1° Harendremana, fatoritory. 2° *fig.* Fatoritory, fitsikamokamo, fitsilamodamoka, fitsimozimozy. Sortez de votre—. Atsaharo ny *fatoritorinareo,* etc.

ASSOUPLIR, *va.* 1° Manalefaka. —un habit. *Manalefaka* akanjo. 2° *fig.* Manalefaka, mampahalemy fanahy. —son langage. *Manalefaka* ny fiteniny. — le caractère de quelqu'un. *Mampahalemy fanahy* olona.

S'assouplir, *vpr.* 1° Mihamalefaka. 2° *fig.* Mihamalemy fanahy.

ASSOURDIR, *va.* Manarenina, mankarenina, maharenina. Le canon l'avait assourdi. *Nankarenina* azy ny tafondro.

ASSOURDISSANT, ANTE, *adj.* Manarenina, mankarenina, maharenina. Ces enfants font un bruit—. Mikotabataba *manarenina, maharenina* ireo ankizy ireo.

ASSOUVIR, *va.* 1° Mahavoky. Rien ne pouvait — sa faim. Tsy nisy zavatra *nahavoky* azy. 2° *fig.* Mahafa-pó. Rien ne peut—sa cupidité. Tsy misy *mahafa-pó* azy amy ny filan-karena.

S'assouvir, *vpr.* 1° Mivoky, 2° *fig.* Afa-pó.

ASSOUVISSEMENT, *sm.* 1° Fahavokisana, havokisana. 2° *fig.* Fahafaham-pó.

ASSUJETTIR ou **ASSUJÉTIR,** *va.* 1° Mampanaiky. — un peuple. *Mampanaiky* firenena anankiray. 2° *fig.* Manery. Il l'assujettit à des travaux pénibles. *Notereny* hanao asa sarotra izy. 3° —, Manamafy. — une table qui remue. *Manamafy* latabatra mihetsiketsika.

S'assujettir, *vpr.* 1° Manaiky, manaraka. S'— aux usages. *Manaraka* ny fanao. 2° —, Mahafehy tena, manery tena. S'— au travail. *Mahafehy tena,* etc., hiasa.

ASSUJETTISSANT ou **ASSUJÉTISSANT, ANTE,** *adj.* Tsy misy ahafahana, mahatery. Emploi —. Raharaha *tsy misy ahafahana,* etc.

ASSUJETTISSEMENT ou **ASSUJÉTISSEMENT,** *sm.* 1° Fanekena, fanarahana. 2° —, Fanerena. Il ne peut souffrir cet —. Tsy mahazaka izany *fanerena* izany izy.

ASSUMER, *va.* Miandraikitra, miadidy, miantoka. — sur soi la responsabilité d'une chose. *Miandraikitra,* etc., zavatra anankiray.

ASSURANCE, *sf.* 1° Fahafantarana marina. J'ai l'— que cette place me sera donnée. *Fantatro marina* fa hahazo izany raharaha izany aho. 2° —, Toky, fahato kiana, fahasahiana. On lui a donné l'—qu'il serait nommé. Nomeny *toky* izy fa hofidína. Parlez avec —. Mitenena amim-*pahatokiana,* amim-*pahasahiana.* 3° —, Antoka. Je vous donnerai une bonne—. Homeko *antoka* tsara hianao.

ASSURÉ, ÉE, *adj.* 1° Mahatoky, azo itokiana, matoky, sahy, kinga, tsy misy isalasalana. Rempart —. Mánda *mahatoky, azo itokiana.* Il a une contenance assurée. Mampiseho *toky, hasahiana* ny toetrany. Il n'a pas la main assurée. Tsy *kinga* tánana izy. Un signe —. Famantarana *tsy misy isalasalana.* 2° —, Voantoka. Mon navire est —. *Voantoka* ny samboko.

—, *sm.* Ny voantoka.

ASSURÉMENT, *adv.* Tokoa, marina.

ASSURER, *va.* 1° Milaza marina. Je vous assure qu'il n'a pas volé. *Milaza marina* aminao aho fa tsy nangalatra izy. 2° —, Manome toky. Vous pouvez l' — que je le protégerai. Azonao *omena toky* izy, fa hiaro azy aho. 3° —, Manamafy, manao izay ahazoana. — une poutre. *Manamafy* sakamandimby. —sa puissance. *Manamafy* ny fahefany.— la subsistance d'une ville. *Manao izay ahazoan'* ny tanána fivelomana. 4° —, Miantoka. —une maison. *Miantoka* trano.

S'assurer, *vpr.* 1° Mahita marina. Je me suis assuré du nombre des blessés. Efa *hitako marina* ny isan' ny naratra. 2° —, Mihiamafy, manao izay ahazoana, mahazo, misambotra. Assurez-vous d'un cheval. *Ataovy izay ahazoana* soavaly anankiray. Le chef de l'armée s'est assuré d'une ville fortifiée. Ny komandin' ny tafika *nahazo* vohitra mimanda. Il s'est assuré de sa personne. *Nisambotra* azy izy.

ASSUREUR, *sm.* Mpiantoka.

ASTÉRISQUE, *sm.* Sarin-kintana atao famantarana (*).

ASTHME, *sm.* Sohika.

ASTICOTER, *va.* Mihetraketraka, manorisory.

ASTIQUER, *va.* Manadio.

ASTRE, *sm.* Astra, zavatra eny amy ny habakabaka toy ny kintana, ny masoandro, etc. || *loc.* L'— du jour. Ny masoandro. L'— de la nuit. Ny volana. Il est né sous un— favorable. Tsara vintana izy.

ASTREINDRE, *va.* Manery.

S'astreindre, *vpr.* Mamehy tena, mahafehy tena, manery saina. Voy. S'ASSUJETTIR.

ASTRINGENT, ENTE, *adj.* Mampitohana.

ASTROLOGIE, *sf.* Fanandroana, hitsakandro.

ASTROLOGUE, *sm.* Mpanandro, mpanao hitsakandro.

ASTRONOME, *sm.* Mpahay astronomia.

ASTRONOMIE, *sf.* Fahaizana momba ny astra, astronomia

ASTRONOMIQUE, *adj.* Momba ny astronomia.

ASTRONOMIQUEMENT, *adv.* Araka ny astronomia.

ASTUCE, *sf.* Hafetsen-dratsy.

ASTUCIEUSEMENT, *adv.* An-kafetsen-dratsy.

ASTUCIEUX, EUSE, *adj.* Fetsy ratsy, misy hafetsen-dratsy,

ATELIER, *sm.* 1° Trano fiasana. 2°—, Ny mpiasa miray trano fiasana.

ATERMOIEMENT ou **ATERMOÎMENT,** *sm.* Fampihemorana andro fandoavam-bola.

ATERMOYER, *va.* Mampihemotra andro fandoavam-bola.

S'atermoyer, *vpr.* Mahazo andro.

ATHÉE, *sm.* Tsy mino an' Andriamanitra.

ATHÉISME, *sm.* Tsy finoana an' Andriamanitra.

ATHLÈTE, *sm.* 1° Mpitolona *na* mpifamely totohondry tamy ny Grika. 2° *fig.* Olo-matanjaka.

ATLAS, *sm.* Boky sarin-tany.

ATMOSPHÈRE, *sf.* 1° Ny aora manodidina ny vohon' ny tany, atmosfera. 2° *fig.* Ny rivotra. L'— des hôpitaux est malsaine. Ratsy ny *rivotra* ao anaty trano fitsaboana.

ATMOSPHÉRIQUE, *adj.* Momba ny atmosfera.

ATOME, *sm.* 1° Zavatra madinika indrindra. 2° *fig.* Zavatra kitsika dia kitsika. L'homme n'est qu'un — sur le globe. Ny olona *kitsika dia kitsika* raha oharina amy ny tany itoerany.

ATONIE, *sf.* Hahosana, harerahana.

ATOURS, *sm. pl.* Fihaingoam-behivavy.

ATOUT, *sm.* Karatra mitovy amy ny faravato.

ATRABILAIRE, *adj.* Sorisorena, sosotsosotra.

ÂTRE, *sm.* Fatana.

ATROCE, *adj.* 1° Masiaka, lozabe. Homme—. Olona *masiaka, lozabe.* 2°—, Be vava, lozan-tany. Crime—. Heloka *be vava,* etc. Douleur—. Fijaliana *lozan-tany.*

ATROCEMENT, *adv.* Izaitsizy.

ATROCITÉ, *sf.* 1° Hasiahana, halozana. 2°—, Halehibe.

ATROPHIE, *sf.* Hahiazana.

ATROPHIÉ, ÉE, *adj.* Tsy velon-komana, raikitapisaka, kangoaza.

ATTABLER, *va.* Mampipetraka ela amy ny latabatra.

S'attabler, *vpr.* Mipetraka ela amy ny latabatra.

ATTACHANT, ANTE, *adj.* Mampiraikitra ny saina, maharenoka. C'est une lecture fort attachante. Famakian-teny *mampiraikitra ny saina,* etc., loatra izany.

ATTACHE, *sf.* 1° Fatorana, tady, kofehy. Mettez le chien à l' —. Ataovy am*patorana, afatory* ny alika. 2° *fig.* Fitiavana, firaiketam-pó. Il aura de la peine à rompre cette —. Ho sarotra ho azy ny miala amin' izany *fitiavana,* etc., izany.

ATTACHÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Voafatotra, nafatotra, voafehy, nofehezina, voarohy, norohizana, voaharaka, noharahana, voaraikitra, naraikitra, miraikitra, voapetaka, napetaka, mipetaka voafantsika, nofantsihana, mifantsika. Il a les mains attachées derrière le dos. *Mifatotra* tànan' ivoho izy. Les paquets sont attachés. *Voafehy* ny entana. 2° *fig.* Nakambana, mikambana, nampombaina, momba, nankinina,. miankina, atao ho, heverina. 3° —, Voatana, notanana, voahazona, nohazonina, mifantsika, tafaraiki-pó, miraiki-pó, milozoka, renoka. Il est fort — à ses enfants. *Tafaraiki-pó, miraiki-pó* mafy amy ny zanany izy.

ATTACHEMENT, *sm.* Firaiketam-pó, firaiketana, fifantsihana, filozohana. Il a de l' — à l'étude. *Miraikitra, mifantsika, milozoka* amy ny fianarana izy.

ATTACHER, *va.* 1° Mamatotra, mamehy, mifehy, mandrohy, mangaraka, mandraikitra, mametaka, mamantsika. — un bœuf avec des cordes. *Mamatotra, mandrohy* omby amy ny mahazaka. — les pierres des tombeaux pour les traîner. *Mangara*-bato hotarihina. — des images au mur. *Mandraikitra, mametaka* sa-

ry amy ny rindrina. — avec un clou. *Mamantsika.* 2° *fig.* Manakambana, mampomba, manankina, manao ho, mihevitra. J'attache ma destinée à la vôtre. *Akambako* amy ny anao ny anjarako. Les imperfections que Dieu a attachées à notre nature. Ny kilema *nampombain'* Andriamanitra ny toetrantsika. Cette mère attachait son bonheur à celui de ses enfants. Izany reny izany *nanankina* ny hasambarany tamy ny any ny zanany. — de l'importance à quelque chose. *Manao* zavatra anankiray *ho* lehibe. Quel sens attachez-vous à ce mot? Inona no hevitr' izany teny izany, araka ny *hevitrao?* 3° —, Mitana, mihazona, manpifantsika, mampiraiki-pó, mampiraiki-tsaina, maharenoka. Son emploi l'attache à Paris. Ny raharahany no *mitana, mihazona, mampifantsika* azy any Parisy. Ce bienfait m'attache à vous pour jamais. Izao soa azoko izao *mampiraikitra* ny *foko* aminao ho mandrakizay. Cette étude attache beaucoup. *Mampiraikitra ny saina, maharenoka* loatra izany fianarana izany. ‖ *loc.* — ses yeux sur quelqu'un. Mibanjina olona.

S'attacher, *vpr.* 1° Miraikitra, mipetaka, mifikitra, mamihina. La boue s'attache aux habits. *Miraikitra, mipetaka* amy ny akanjo ny fotaka. Les lianes s'attachent aux arbres. *Miraikitra, mifikitra* amy ny hazo, *mamihina* ny hazo ny vahy. 2° *fig.* Mikambana, momba, miankina. L'opprobre qui s'attache à de tels crimes. Ny fahafaham-baráka izay *momba* ny heloka lehibe tahaka izany. 3°—, Miraikitra, mifantsika, miraiki-pó, miraiki-tsaina, milozoka, mikely aina. Mes regards s'attachèrent sur lui. *Niraikitra* taminy ny masoko. Il s'attache trop à ses opinions. *Miraikitra* loatra amy ny heviny, mitompo teny fantatra izy. Il s'attache à traduire fidèlement. *Mikely aina* mba handika tsara izy.

ATTAQUABLE, *adj.* Azo asiana, azo toherina. La ville n'est pas—. Tsy *azo asiana* ny tanánà.

ATTAQUANT, *sm.* 1° Mpamely. 2° *fig.* Mpanohitra, mpanaratsy, mpiampanga.

ATTAQUE, *sf.* 1° Famelezana, fananihana, sovok' ady. 2° *fig.* Fanoherana, fanaratsiana. 3°—, Fihetsehana. Il a eu deux attaques de goutte. *Nihetsika* indroa ny gaotrany.

ATTAQUER, *va.* 1° Mamely, mananika, misovoka. —l'ennemi. *Mamely* ny fahavalo. — une place. *Mamely* tanána, *manani*-bohitra. —quelqu'un dans la rue. *Mamely* olona eny amy ny arabendálana. — à l'improviste. *Misovoka,* manao *sovok'* ady. —à l'improviste pendant la nuit. Manao *sovok'* alina. 2° *fig.* Mamely, manohitra, manaratsy, mitory. —quelqu'un de paroles. *Mamely* teny olona. — le vice. *Mamely* ny fahazarandratsy. Ce livre attaque la religion. *Mamely, manohitra, manaratsy* ny fivavahana izany boky izany. Ce journal m'attaque. *Mamely, manaratsy* ahy izany gazety izany. — quelqu'un en justice. *Mitory* olona ao amy ny fitsarana. La petite vérole attaqua l'armée. *Namely* ny tafika ny nendra. 3°—, Manomboka, manala, manesotra, homana. L'orateur attaqua immédiatement son sujet. Ny mpandaha-teny *nanomboka* vetivety nilaza ny foto-teniny. Attaquez ce dindon. *Analao, anesory* io vorontsiloza io. La rouille attaque le fer. Ny harafesina *homana* ny vý.

S'attaquer, *vpr.* Mamely, manohitra, manaratsy. Il s'est attaqué à plus fort que lui. *Namely,* etc., izay nahery noho izy izy.

ATTARDER, *va.* Manela.

S'attarder, *vpr.* Mijanona ela, miaoriana.

ATTEINDRE, *va.* 1° Mahavoa, mahatakatra, mahatratra. Il l'atteignit d'un coup de pierre. *Nahavoa* azy tamy ny vato izy. Il étendit le bras, et l'atteignit de son bâton. Nahinjiny ny sandriny ka *takany* tamy ny tehiny izy. Je l'ai vite atteint en route. *Tratrako, tratro* haingana teny an-dálana izy. Cet enfant brise tout ce qu'il atteint. Vakin' io zaza kely io ny zavatra rehetra izay *takany, tratrany.* Il atteignit rapidement la ville. *Nahatratra* haingana ny tanána izy. 2° *fig.* Mahatratra, mahavoa, mahazo. Il a atteint sa douzième année. *Nahatratra* ny faharoa amby ny folo taonany izy. L'épidémie atteignit plusieurs contrées. Ny areti-mifindra *nahavoa, nahazo* ny fari-tany maro.

—, *vn.* 1° Mahavoa, mahatakatra, mahatratra. 2° *fig.* Mahatratra. Je ne puis — à la perfection. Tsy *mahatratra* ny fahalavorariana aho.

S'atteindre, *vpr.* Mifamely, mifandratra, mifampikapa, mifanjinja.

ATTEINTE, *sf.* 1° Fahavoazana, faha-

tratrarana. 2° *fig.* Fahatratrarana, fahavoazana, fahazoana, fanimbana. Il a eu une —de goutte. *Tratra, voa, azon'* ny gaotra izy. Porter— à la réputation des autres. *Manimba* ny lazan'olona.

Hors d'atteinte de, *loc. adv.* Tsy takatra, tsy tratra.

ATTELAGE, *sm.* Soavaly *na* omby indray mitarika.

ATTELER, *va.* Manakambana soavaly *na* biby hafa hitarika kalesy *na* zavatra hafa.

ATTELLE, *sf.* Hamatra, harato.

ATTENANT, ANTE, *adj.* Manolotra, mifanolotra. Son emplacement est—au mien. *Manolotra* ny ahy, *mifanolotra* amy ny ahy ny tokotaniny.

ATTENDANT (EN), *loc. adv.* Aloha, angaloha. Lisez en—. Vakio *aloha, angaloha.*

En attendant, *loc. conj.* Ambara-paha... Etudiez en — qu'il soit l'heure de vous en aller. Mianara *ambara-paha*-tongan' ny fotoana hialanao.

ATTENDRE, *va.* 1° Miandry. J'attends la voiture. *Miandry* ny kalesy aho. J'attends une lettre. *Miandry* taratasy aho. 2° *fig.* Miandry, manantena. La gloire attend l'homme vertueux. Ny voninahitra *miandry* ny olona tsara fanahy. Je n'attends aucune récompense des hommes. Tsy *manantena* valisoa amin' olombelona aho.

S'attendre, *vpr.* Manantena, manampó. Je ne m'attendais pas à vous voir arriver si vite. Tsy *nantenaiko,* tsy *nampoiziko* fa ho tonga haingana toy izany hianao. Je ne m'attendais pas à tant de contrariétés. Tsy *nampoiziko* fa ho sahirana be toy izany aho.

ATTENDRIR, *va.* 1° Manalemy, mankalemy, mandemy. L'eau attendrit les haricots. *Manalemy,* etc., ny tsaramaso ny rano. 2° *fig.* Mampangoraka, mampitsetra, mahonena. Ses larmes m' attendrissent. *Mampangoraka,* etc., ahy ny ranomasony.

S'attendrir, *vpr.* 1° Mihalemy, mihamalemy. 2° *fig.* Mangoraka, mitsetra, onena.

ATTENDRISSANT, ANTE, *adj.* Mampangoraka, mampitsetra, mahonena. Récit—. Tantara *mampangoraka,* etc.

ATTENDRISSEMENT, *sm.* Fangorahana, fitserana, tse-pó.

ATTENDU, UE, *p.* 1° Nandrasana, andrasana. 2° *fig.* Nantenaina, antenaina.

Attendu, *prép.* Noho. — sa jeunesse. *Noho* ny hatanorány.

Attendu que, *loc. conj.* Satria. —que le malade va mieux, n'appelez pas le médecin. *Satria* efa tsaratsara kokoa ny marary ka aza miantso dokotera.

ATTENTAT, *sm.* Fitadiavana hanao heloka lehibe, fanoherana, fandravana. Un —contre la liberté publique. Zavatra *manohitra, mandrava* ny fahazakantenan' ny vahoaka.

ATTENTATOIRE, *adj.* Manohitra, mandrava.

ATTENTE, *sf.* 1° Fiandrasana. Il est dans l' —. *Miandry* izy. 2° *fig.* Fanantenana, fanampoizana. Il a rempli mon —. Notanterahiny izay *nantenaiko, nampoiziko.*

ATTENTER, *vn.* Mitady hanao heloka lehibe, manao izay..., manohitra, mandrava. Il osa — aux jours de son père. Sahy *nitady* hamono, *nanao izay* hamonoana ny rainy izy.

ATTENTIF, IVE, *adj.* Mitandrina.

ATTENTION, *sf.* 1° Fitandremana. Ecoutez avec —. Henoy amim-*pitandremana.* 2° —, Fitiavana, .hazavam-pó, hatsaram-pó. Il m'a donné mille preuves d' — durant ma maladie. Nampiseho *fitiavana,* etc., lehibe tamiko izy tamy ny izaho narary.

—, *int.* Tandremo !

ATTENTIVEMENT, *adv.* Amim-pitandremana.

ATTÉNUANT, ANTE, *adj.* Manakely, mampihena. Il n'a été condamné qu'à vingt ans de travaux forcés à cause de certaines circonstances atténuantes. Nohelohina ho gadralava roapolo taona hiany izy noho ny zavatra sasany *nanakely, nampihena* ny helony.

ATTÉNUATION, *va.* 1° Halemena, fahosana. 2° —, Fanakelezana, fampihenána.

ATTÉNUER, *va.* 1° Mankalemy, mampahalemy, mampahosa. Les veilles l'ont atténué. Ny fiaretan-tory *nankalemy,* etc., azy. 2°—, Manakely, mampihena. Les avocats savent — les fautes. Ny mpisolo vava mahay *manakely, mampihena* ny heloka.

S'atténuer, *vpr.* Mihakely, mihena.

ATTERRER, *va.* Mandavo. Il atterra le taureau. *Nandavo* ny ombalahy izy. 2° *fig.* Mandrava, mandevona, mamongotra, mamongana. Les barbares atterrèrent la puissance romaine. Ny baribariana *nandrava,* etc., ny fanjakana romana. 3°—, Manafotra alahelo, maharera-pó. La nouvelle de la mort de son fils l'a atterré. Ny nandrenesany ny nahafatesan' ny zanany lahy *nanafotra alahelo,* etc., azy.

ATTERRIR, *vn.* Mitody, miantsona, miakatra an-tanety.

ATTERRISSAGE, *sm.* Fitodiana, fiantsonana, fiakarana an-tanety.

ATTERRISSEMENT, *sm.* Antsanga. Comme ALLUVION.

ATTESTATION, *sf.* Taratasy vavolombelona, taratasy fanamarinana.

ATTESTER, *va.* 1° Milaza marina, mitsangan-ko vavolombelona, manamarina, manaporofo, mampiseho. Je vous atteste qu'il est mort. Izaho *milaza marina* aminao fa maty izy. Ses larmes attestent son repentir. Ny ranomasony *mitsangan-ko vavolombelona, manamarina, manaporofo, mampiseho* ny fanenenany. 2°—, Maka ho vavolombelona. J'en atteste le Dieu Tout-Puissant. *Maka* an'Andriamanitra Tsitoha *ho vavolombelona* aho.

ATTIÉDIR, *va.* 1° Mahamatimaty. 2° *fig.* Mampihena, manakely. Les querelles attiédissent l'amitié. Ny fifandidirana *mampihena,* etc., ny fisakaizana.

S'attiédir, *vpr.* 1° Mihamatimaty. 2° *fig.* Mihamatimaty, mihena, mihakely. Son zèle s'est attiédi. *Nihamatimaty,* etc., ny zotom-pony.

ATTIÉDISSEMENT, *sm.* 1° Fihamatimaty. 2° *fig.* Fihenána, fihakelezana.

ATTIFER, *va.* Mampanao haingo be renty.

S'attifer, *vpr.* Manao haingo be renty.

ATTIRAIL, *sm.* 1° Forongo. —de chasse. *Forongon'* ny mpitifitra. 2°—, Vorongo foana. Pourquoi ces attirails? Ahoana ireny *vorongo foana* ireny ?

ATTIRANT, ANTE, *adj.* Mahatarika.

ATTIRER, *va.* 1° Mitarika, manintona. L'aimant attire le fer. Ny andriambý *mitarika,* etc., ny vý. 2° *fig.* Mitarika, mampahazo, mampahita. Il fit semblant de fuir pour — l'ennemi dans la plaine. Nody nandositra izy mba *hitarika* ny fahavalo ho ao amy ny tany lemaka. Le génie attire la gloire. Ny fahaizana *mitarika, mampahazo* voninahitra. Un malheur en attire un autre. Ny voina *mitari*-boina, ny loza *mitarika, mampahita* loza hafa koa.

S'attirer, *vpr.* 1° Mifampitarika, mifanintona. 2°—, Mahazo, mahita, tonga. Il s'est attiré la haine du public. *Tonga* nankahalain' ny be sy ny maro izy.

ATTISER, *va.* 1° Misorona afo. 2° *fig.* Mampirehitra, mamelona. —la discorde. *Mampirehitra,* etc., ny tsy fifanarahana.

ATTISEUR, *sm.* Mpisorona afo.

ATTISOIR, *sm.* Fisoitrafo, havitra.

ATTITRÉ, ÉE, *adj.* Faleha, famantanana. C'est mon marchand—. Mpivarotra *falehako, famantanako* izy.

ATTITUDE, *sf.* 1° Toetra, fitoetra, fipetraka. Il a une— respectueuse. Mampisebo fanajana ny *toetrany,* etc. 2° *fig.* Toetra. Il prend une— hostile. Mampiseho *toetra* te-hiady izy.

ATTOUCHEMENT, *sm.* Fikasihana, fitsapana, fanendrena.

ATTRACTIF, IVE, *adj.* Mahatarika, manintona. Force attractive. Hery *mahatarika,* etc.

ATTRACTION, *sf.* Fitarihana, fifampitarihana, hery mahatarika, fanintonana, fifanintonana.

ATTRAIT, *sm.* 1° Zavatra mahatarika, zavatra mahafinaritra, fitiavana. Cet emploi a de grands attraits pour lui. *Mahatarika, mahafinaritra* azy, *tiany* dia tiany izany raharaha izany. 2°—, *pl.* Hatsaran-tsarehy, hatsaram-bika. Comme APPAS.

ATTRAPE, *sf.* Fitaka, fandrika, hafetsona, soloky.

ATTRAPER, *va.* 1° Mamandrika, mahavoa, mahazo, misambotra. Voici un piège pour— des cailles. Itsy ny fandrika *hamandrihana* papelika. J'ai attrapé dix cardinaux à la glu. *Nahavoa, nahazo* fody folo tamy ny dity aho. J'ai attrapé un joli papillon. *Nahasambotra* lolo iray mahafinaritra aho. 2°—, Mahatratra, mahazo am-body omby. Je l'ai attrapé à me voler. *Tratraho, azoko am-body omby* teo am-pangalarany ny zavatro izy. 3° *fig.* Mahavoa, mahazo. J'ai attrapé la fièvre. *Voan' azon'* ny tazo aho. J'ai attrapé un bon emploi. *Nahazo* raharaha tsara aho. Une pierre l'a attrapé au front. *Voan'*

ny vato tamy ny handriny izy. 4°—, Mamitaka, mametsy, manambaka, manoloky, mikapa. Le marchand m'a attrapé. *Namitaka*, etc., ahy ny mpivarotra. Il m'a attrapé mon argent. *Nofetseny, nokapainy* ny volako.

S'attraper, *vpr.* 1° Mamikitra, mifikitra. S'—à une branche. *Mamikitra*, etc., amy ny rantsan-kazo. 2° *fig.* Mifamitaka, mifametsy, mifanambaka, mifanoloky, mifampikapa.

ATTRAPEUR, EUSE, *adj.* Mpamitaka, mpametsy, mpanambaka, mpanoloky, mpikapa.

ATTRAPOIRE, *sf.* 1° Fandrika. 2° *fig.* Fitaka.

ATTRAYANT, ANTE, *adj.* Mahatarika, mahafinaritra.

ATTRIBUER, *va.* 1° Manendry, mandraikitra. Les émoluments attribués à cet emploi. Ny karama *voatendry, naraikitra* ho any ny mpanao izany raharaha izany. 2°—, Manao ho fototra,— antony, manao... On lui attribue la victoire. *Ataon'* ny olona fa izy no *fototra, anton'*ny fandresena. On attribue à ce remède de grandes vertus. *Ataon'* ny olona fa be hery io fanafody io.

S'attribuer, *vpr.* Manao ny tenany ho fototra,— antony, manao ny tenany ho..., mihambo ho..., manandoka. Chacun des deux partis s'attribue la victoire. Samy *mihambo ho* mpandresy ny andaniny roa. S'— l'ouvrage d'autrui. *Manandoka* ny asan' olona.

ATTRIBUT, *sm.* Fomba, toetra, anjara. La bonté est un—de Dieu. Ny hatsaram-pó dia *fomba, toetran'*Andriamanitra. Le droit de faire grâce est un— de la souveraineté. *Anjaran'* ny mpanjaka ny mamela heloka. 2°—, Ohatra. La balance est l'— de la justice. Ny mizana dia *ohatry* ny fahamarinana. 3°—, Teny milaza ny toetry ny *sujet.*

ATTRIBUTION, *sf.* Anjara raharaha. Cela n'est pas dans ses attributions. Tsy *anjara raharahany* izany.

ATTRISTANT, ANTE, *adj.* Mampalahelo, mampahory.

ATTRISTER, *va.* Mampalahelo, mampahory. Cette nouvelle m'attriste. *Mampalahelo*, etc., ahy izany zava-baovao izany. Voy. Affliger.

S'attrister, *vpr.* Malahelo.

ATTRITION, *sf.* Fanenenana tsara antoniny.

ATTROUPEMENT, *sm.* Fivorian' ny mpitabataba.

ATTROUPER, *va.* Mamory olona hitabataba.

S'attrouper, *vpr.* Mivory hitabataba.

AU, pour À le. Voy. À.

AUBADE, *sf.* 1° Hira atao amin'olona raha vao mazava ratsy. 2° *fig.* Akoralava fanesoana.

AUBAINE, *sf.* Zara tsy nampoizina.

AUBE, *sf.* 1° Mazava ratsy, mangiran-dratsy. 2°—, Akanjo fotsy rebareba fanao amy ny fivavahana.

AUBÉPINE, *sf.* Karazan-kazo madinika misy tsilo.

AUBERGE, *sf.* Tranom-bahiny.

AUBERGINE, *sf.* Angivimbazaha, baranjely.

AUBERGISTE, *s.* Tompon'ny tranombahiny.

AUBIER, *sm.* Kotofotsiny.

AUCUN, UNE, *adj.* Na dia iray aza, na dia kely aza. — n'est mort dans le combat. Tsy nisy maty tany an'ady *na dia iray aza.* Il ne prend — soin de ses affaires. Tsy mitandrina ny raharahany izy *na dia kely aza.*

AUCUNEMENT, *adv.* Akory, velively. Je ne le connais —. Tsy fantatro *akory*, etc., izy.

AUDACE, *sf.* Hasahiana, herim-pó. Répondre avec —. Mamaly amin-*kasahiana.* Il affronta la mort avec —. Nanehatra ny fahafatesana tamin-*kasahiana*, etc., izy.

AUDACIEUSEMENT, *adv.* An-kasahiana, amin-kerim-pó.

AUDACIEUX, EUSE, *adj.* Sahisahy, be herim-pó.

AU DEDANS, *prép.* et *adv.* Anaty.

AU DEHORS, *prép.* et *adv.* Ivelany.

AU DELÀ, *prép.* et *adv.* 1° Ao am-badika, ao an-koatra, an-dafy, am-pita. — de la montagne. *Ao am-badika, ankoatry* ny tendrombohitra. —du fleuve, de la mer. *An-dafy, am-pitan'* ny ony, ny ranomasina. 2° —, Mihoatra. J'ai obtenu — de mes espérances. *Mihoatra* noho ny nantenaiko no azoko.

AU-DESSOUS, *prép.* et *adv.* Ambany. Voy. Dessous.

AU-DESSUS, *prép.* et *adv.* Ambony. Voy. Dessus.

AU-DEVANT, *prép.* et *adv.* Voy. Devant.

AUDIENCE, *sf.* 1° Fihaonana. Demander une — au roi. Mangataka *fihaonana* amy ny mpanjaka. 2° —, Fitsarana. Salle d' —. Efi-trano *fitsarana*. Assister à l' —. Manatrika ny *fitsarana*.

AUDITEUR, *sm.* Mpihaino.

AUDITIF, IVE, *adj.* Momba ny fandrenesana amy ny sofina. Le nerf—. Ny hozatra *mampandre ao amy ny sofina*.

AUDITION, *sf.* Fihainoana, fandrenesana. Après l' — des témoins il se retira. Rahefa *nihaino, nahare* ny tenin' ny vavolombelona izy dia lasa.

AUDITOIRE, *sm* Fivorian' ny mpihaino. Il charma son — par son éloquence. Nahafinaritra ny *mpihaino* ny fahaizany mandaha-teny.

AUGE, *sf.* Tavy, tavim-biby, lokaloka.— en pierre. *Tavy* vato.

AUGÉE, *sf.* Eran' ny tavy.

AUGET, *sm.* Tavy kely.

AUGMENTATIF, IVE, *adj,* Mampitombo.

AUGMENTATION, *sf.* Fampitomboana, fitomboana, fanitarana, fitarana, fampisondrotana, fisondrotana. Il y a eu —{d'impôts. *Nampitomboina* ny hetra. — de salaire. *Fitomboan'* ny karama.

AUGMENTER, *va.* 1° Mampitombo, manitatra, mampisondrotra. Il augmente tous les jours sa fortune. *Mampitombo* ny hareny isan' andro izy. Il a augmenté son emplacement. *Nanitatra* ny tokotaniny izy. Le marchand a augmenté le prix de ses marchandises. Ny mpivarotra *nampisondrotra* ny vidin' ny entany. 2° —, Mampitombo karama, mampisondrotra—. Vous allez être augmenté. *Hampitomboina, hasondrotra* ny karamanao.

—, *vn.* Mitombo, mitatra, misondrotra.

S'augmenter, *vpr.* Mitombo, mitatra, misondrotra.

AUGURE, *sm.* Vintana, fambara. C'est d'un bon—. *Vintana,* etc., tsara izany. Oiseau de mauvais—. Vorona *fambara* loza.

AUGURER, *va.* Maminany.

AUGUSTE, *adj.* Lehibe, mendrika. Cet— monarque. Izany mpanjaka *lehibe,* etc., izany.

AUJOURD'HUI, *adv.* 1° Androany, anio. —je n'ai pas été malade. Tsy narary aho *androany.* Viendrez-vous me voir—? Moa ho avy hamangy ahy hianao *anio?* Je viendrai d'— en huit, — en quinze. Ho avy aho amy ny herin' ny *anio,* amy ny tapa-bolana *anio.* Il y a — trois mois que je suis arrivé. Telo volana *androany* no nahatongavako. 2° —, Ankehitriny. Les hommes d'— ne sont pas comme ceux d'autrefois. Ny olona *ankehitriny* tsy tahaka ny taloha.

AUMÔNE, *sf.* Fiantrana. Demander l'—. Mangataka *fiantrana.*

AUMÔNERIE, *sf.* Raharahan' ny *aumônier.*

AUMÔNIER, *sm.* Pretra manao raharaha any an-tsambo, amy ny miaramila, amy ny relijiozy, etc.

AUNAGE, *sm.* Fandrefesana amy ny laonina.

AUNE, *sf.* Laonina (ny laonim-bazaha dia mitovy amy ny 1 metatra, 188).

AUNER, *va.* Mandrefy amy ny laonina.

AUPARAVANT, *adv.* Aloha, angaloha, taloha, teo aloha. Je vous dirai— une chose. Zavatra anankiray *aloha, angaloha* no holazaiko aminao. Une semaine, un an—. Herinandro, herintaona *taloha, teo aloha.*

AUPRÈS, *prép.* 1° Akaiky, anila, ankila. Je loge—du palais. Monina *akaiky,* etc., ny lapa aho. 2° *fig.* Amy, raha oharina. Il m'a nui— de vous. Nanaratsy ahy *taminao* izy. Votre maladie n'est rien—de la mienne. Ny aretinao dia tsinontsinona *raha oharina* amy ny ahy.

—, *adv.* Akaiky. Il s'est tenu tout—. Nitoetra tao *akaiky* izy.

AURÉOLE, *sf.* 1° Avana manodidina ny lohan' ny Olo-masina. 2° *fig.* Voninahitra. L'— du martyre. Ny *voninahitry* ny martiry.

AURICULAIRE, *adj.* Momba ny sofina. Nerf—. Hozatra mampandre *ao amy ny sofina.* Confession—. Konfesy atao toho-*tsofina.* || *loc.* Témoin—. Vavolombelona nandre izay lazainy. Doigt —. Ankikelin-tánana.

AURIFÈRE, *adj.* Misy volamena. Fleuve—. Ony *misy volamena.*

AURORE, *sf.* 1° Mazava atsinanana, mangoana atsinanana. 2° *fig.* Fiantombohana, fiandohana. J'ai vu l'— de son règne. Hitako ny *niantombohana, niandohan'* ny nanjakany.

AUSCULTATION, *sf.* Fihainoana ny ao anatin'ny tratra.

AUSCULTER, *va.* Mihaino ny ao anatin' ny tratra.

AUSPICE, *sm.* 1° Vinany nalain' ny Romana tamy ny fanidin' ny vorona. 2° *fig.* Fambara. Il a commencé cette affaire sous d'heureux auspices. Tsara ny *fambara* nanombohany izany raharaha izany. 3°—, Fiankinana. J'entreprendrai cette affaire sous vos auspices. Hianao no *hiankinako* hanaovako izany raharaha izany.

AUSSI, *adv.* Koa, kosa. Ce que tu veux, je le veux—. Izay tianao, tiako *koa*. Dites-lui — que je le visiterai. Lazao azy *koa*, etc., fa hamangy azy aho.

—, *conj.* 1° Mitovy, sahala, mifandanja, tahaka. Il est—savant que sage. Ny fahaizany *mitovy, sahala, mifandanja* amy ny fahendreny. Cet ouvrier ne travaille plus — bien qu'autrefois. Io mpiasa io tsy miasa tsara *tahaka* ny taloha intsony. 2°—, Noho izany, any ka. Ce bois est beau, — coûte-t-il cher. Tsara tarehy ity hazo ity, ka *noho izany* dia saro-bidy, *any ka* saro-bidy.

Aussi bien que, *loc. conj.* Tahaka. Tu le sais — bien que lui. Ise mahalala izany *tahaka* azy.

AUSSITÔT, *adv.* 1° Miaraka amin' izay, vetivety, haingana. Il revint—. *Niaraka tamin' izay* nody, nody *vetivety, haingana* izy. 2°—, Vantany vao, nony vao. — pris, — exécuté. *Vantany vao, nony vao* azo izy, dia novonoin-ko faty.

Aussitôt que, *loc. conj.* Vantany vao, nony vao. — qu'il eut mangé, il partit. *Vantany vao*, etc., nihinana izy dia lasa.

AUSTÈRE, *adj.* 1° Sarotra, mafy, mangidy. Pénitence —. Asa fivalozana *sarotra*, etc. 2°—, Sarotiny, mampijaly tena. C'est un homme—, qui mène une vie—. Olona *sarotiny* amy ny toe-piainana, olona *mampijaly tena* izy.

AUSTÉRITÉ, *sf.* 1° Hasarotra, hamafiana, hangidy. 2°—, Fampijalian-tena.

AUSTRAL, ALE, *adj.* Comme Antarctique.

AUTAN, *sm.* Rivotra avy atsimo.

AUTANT, *adv.* Tahaka, hoatra, toraka, mitovy, sahala, mifandanja, tahaka izany, heny. Personne n'a donné — d'argent que lui. Tsy nisy nanome vola *tahaka, hoatra, toraka* azy. Il n'a pas— de courage que d'éloquence. Ny herimpony tsy *mitovy, sahala, mifandanja* amy ny fahaizany mandaha-teny. S'il a fait cela, j'en puis faire—. Raha izy nanao izany, izaho koa mahavita *tahaka izany*. Dix fois—. Im-polo *heny*. ‖ *loc.* — de fois que... Isaka. Je viendrai— de fois que vous voudrez. Ho avy *isaka* izay tianao hihaviako aho. Pas autant. Tsy ampy, latsaka. Y a-t-il trente bœufs? Pas —. Misy omby telo-polo va? *Tsy ampy, latsaka.*

Autant que, *loc. conj.* Araka. Travaillez — que vous le pouvez. Miasà *araka* izay zakanao.

D'autant, *loc. adv.* Tahaka izany.

D'autant que, *loc. conj.* Satria, sady. A votre place, je n'irais point là, d'— que rien ne vous y oblige. Raha tahaka ahy hianao, tsy hankao aho, *satria*, etc., tsy terena.

D'autant plus, D'autant moins, D'autant mieux, *loc. adv.* Araka, noho. Les maisons sont d'— plus belles que les gens sont plus riches. *Araka* ny haren' ny olona no hatsaran' ny tranony. Il est d'— mieux vu qu'il a fait plus de bien. Hajaina *araka* ny soa be nataony izy. Il est d'— moins à plaindre qu'il est plus coupable. Tsy tokony hitserana izy *noho* ny heloka lehibe nataony.

AUTEL, *sm.* 1° Alitara, otely. 2° *fig.* Fivavahana. Il combattait pour ses autels. Niady ho any ny *fivavahany* izy.

AUTEUR, *sm.* 1° Nahary, manao, mamorona, mpanoratra, mpamorom-boky, fototra, nihaviana. Dieu est l'— de tout ce qui existe. Andriamanitra no *nahary, nanao, namorona, fototra, nihavian'* ny zavatra ary rehetra. Il est — d'une machine, d'un livre. Izy no *nanao, namorona* milina, boky. Les auteurs sacrés. Ny *mpanoratra* ny Soratra Masina. Il s'est fait—. Tonga *mpamorom-boky* izy. Les auteurs du crime sont inconnus. Tsy fantatra izay *nanao, fototra, nihavian'* izany heloka lehibe izany. 2°—, Boky. Quel — lisez-vous? *Bokin'* iza no vakinao?

AUTHENTICITÉ, *sf.* Fahatovana, fahamarinana.

AUTHENTIQUE, *adj.* To, marina, tsy azo isalasalana, tsy azo lavina. Contrat —. Fanekena *to*, etc. Histoire—. Tantara *to*, etc.

AUTHENTIQUEMENT, *adv.* Marina.

AUTOCRATE, *sm.* Mpanjaka mandidy tokana. Voy. Absolu.

AUTOCRATIE, *sf.* Fanapahan' ny mpanjaka mandidy tokana.

AUTOGRAPHE, *adj.* Voasoratry ny tánan' ny mpamorona.

—, *sm.* Taratasy voasoratry ny tánan' ny mpamorona.

AUTOGRAPHIE, *sf.* Famindran-tsora-tánana.

AUTOMATE, *sm.* 1° Milina na sary mihetsika ho azy. 2° *fig.* Adala, manaiky be.

AUTOMATIQUE, *adj.* Tsy satry. Mouvement—. Fihetsehana *tsy satry.*

AUTOMNAL, ALE, *adj.* Amy ny fararano. Fleurs automnales. Voninkazo *amy ny fararano.*

AUTOMNE, *sm.* Fararano.

AUTONOME, *adj.* Mahazaka tena.

AUTONOMIE, *sf.* Fahazakan-tena.

AUTOPSIE, *sf.* Fandidiam-paty.

AUTORISATION, *sf.* Fanomezan-dálana, fanekena. ‖ *loc.* Agir sans —. Mandidy ambony vankona.

AUTORISER, *va.* 1° Manome lálana, manaiky, mamela. Le père a autorisé le mariage de sa fille. Ny rainy *nanome lálana, nanaiky* ny hanambadian' ny zanany vavy. Il autorise les violences. *Mamela* hanao an-kery izy. 2° —, Antony, mahasahy. La confiance que vous m'accordez m'autorise à vous dire la vérité. Ny fitokianao ahy no *antony, mahasahy* ahy ilazako ny marina aminao.

S'autoriser, *vpr.* Miankina, sahy. Il s'autorise de ce que vous avez dit pour agir ainsi. Ny voalazanao no *iankinany, ahasahiany* hanao izany.

AUTORITÉ, *sf.* 1° Fahefana. L' — paternelle. Ny *fahefan'* ný ray. Usurper l' —. Misazoka *fahefana.* 2° —, Lehibe, mpanapaka, mpandidy, mpifehy. Les autorités militaires. Ny *lehibe, mpifehin'* ny miaramila, ny manambonina-hitra. 3° —, Hery, finoana, toky. Il a une grande — dans son pays. Manan-*kery* lehibe ao amy ny fonenany izy. Son opinion a peu d' —. Tsỳ *inoana, itokiana* loatra ny heviny.

AUTOUR, *prép.* Manodidina, manotrona. La terre tourne — du soleil. Ny tany mihodina *manodidina* ny masoandro. Ce prince a — de lui des gens qui le trompent. Amin' ireo *manotrona* ny mpanjaka ireo misy mamitaka azy.

—, *adv.* Akaiky. Rôder tout —. Misodisody ao *akaiky.*

AUTRE, *adj.* Hafa, samihafa. Appelez un—médecin. Miantsoa dokotera anankiray *hafa.* Vous ferez cela un — jour. Hataonao amy ny andro *hafa* izany. Il est tout — que vous ne pensez. *Samihafa* lavitra noho izay iheveranao azy izy. 2°—, Faharoa. François Xavier était un — Paul. François Xavier dia Paoly *faharoa.* 3°—, Itsý. Je l'ai vu l'—année. Efa hitako taon' *itsý* izy. ‖ *loc.* L' — jour. Vao haingana, tatohoato.

—, *pron.* Hafa, namana, sasany, iray, anankiray, itsy. Mettez ces livres avec les autres. Akambano amy ny *hafa, namany, sasany* ireo boky ireo. L'un est gras et l' — maigre. Ny iray matavy, ny *iray, anankiray* mahia. Les uns sont au nord et les autres au sud. Ny sasany any avaratra ary ny *sasany* any atsimo. Laissez celui-ci et emportez cet —. Avelao itý ary ento *itsy.*

L'un l'autre, l'un à l'autre, les uns les autres, les uns aux autres. Mifan..., mifampi.... Ils se frappent à coups de poing l'un l'—, les uns les autres. *Mifamely* totohondry izy ireo. Ils se disaient l'un à l'—, les uns aux autres. *Nifampilaza* izy ireo.

L'un et l'autre, les uns et les autres. Samy... izy ireo. L'un et l'— sont savants. *Samy* mahay *izy ireo.*

L'un ou l'autre. Itý na irý. **Les uns ou les autres.** Ireto na irerý. Prenez l'un ou l'—. Ento *itý na irý.*

L'un après l'autre. Mifanaraka, mifandimby. Ils sont arrivés l'un après l'—. *Nifanarakaraka, nifandimby* tonga izy ireo.

L'un dans l'autre. Mihodidina, misesy, mifanitsaka, avy. Les bœufs ont coûté dix piastres l'un dans l'—. Lafo ariary folo *mihodidina,* etc., ny omby.

Autre part, *loc. adv.* Anihoany. Nous nous reverrons — part. Hifankahita *anihoany* isika.

AUTREFOIS, *adv.* Taloha, fahiny.

AUTREMENT, *adv.* 1° Hafa, samihafa, lavitra. Je pense tout — que vous. *Hafa, samihafa* ny hevitro fa tsy tahaka ny anao. Mon image est—belle que la vôtre. Ny sariko tsara *lavitra* noho ny anao. 2°—, Raha tsy izany. Sois sage, — on te châtiera. Hendre, fa *raha tsy izany* hofaizina hianao.

AUTRUCHE, *sf.* Ostritsa, vorona makadiry be indrindra. ‖ *loc.* Avoir un estomac d'—. Mahalevon-kanina na inona na inona.

AUTRUI, *sm*. Olona, namana. Ne prenez pas le bien d'—. Aza maka ny haren' *olona*, etc.

AUXILIAIRE, *adj*. et *s*. Mpanampy, atao fanampy. Troupes auxiliaires. Miaramila *mpanampy*. Verbes auxiliaires. Verba *atao fanampy*.

AVAL, *sm*. Ava. Cherchez le gué en—. Mitadiava fitána erý *áva*.

AVALANCHE, *sf*. Ranomandry be mikoa.

AVALER, *va*. 1° Mitelina. — sans mâcher. Manao *telimoka*. 2° *fig*. Faire—. Mampino, mampahory. —des couleuvres. Miaritra fanesoana. —des yeux. Mitsiririıtra, mila hihinana amy ny maso.

S'avaler, *vpr*. Átelina.

AVANCE, *sf*. 1° Fialohana. Avoir de l'—. *Mialoha*. 2°—, Zavatra vita lany. Avoir des pierres pour bâtir une maison, c'est une grande—. Raha misy ny vato hanorenan-trano, dia toy ny *vita lany* ny trano. 3°—, Ny atao hifanarahana. On a repoussé leurs avances. Tsy nekena *ny nataon'* izy ireo *hifanarahana*. 4°—, Vola omena mialoha. Je lui ai fait une—de cent piastres. *Nomeko* azy *mialoha* ny *vola* ariary zato.

D'avance, *loc. adv*. Rahateo, teo aloha, aloha. Je vous ai prévenu d'— qu'il vous tromperait. Efa voalazako anao *rahateo, teo aloha* fa hamitaka anao izy. Je vous paie d'— votre journée. Omeko *rahateo, aloha* ny karamanao anio.

AVANCÉ, ÉE, *adj*. 1° Mialoha. || *loc*. Sentinelle avancée. Mandry tsy aman' afo. 2°—, Mandroso, efa ho tapitra, maroroka. Ecolier peu—. Mpianatra tsy *mandroso* loatra. Le travail est—. *Efa ho tapitra* ny asa. Les fleurs sont avancées. *Maroroka* ny voninkazo. 3° —, Omena aloha. C'est un argent—. Vola *omena aloha* ity. 4°—, Masaka loatra, mihaló. Fruits avancés. Voankazo *masaka loatra*. Viande avancée. Hena *mihaló*.

AVANCEMENT, *sm*. Fandrosoana, fampandrosoana, fisondrotana, fampisondrotana, fisandratana, fampisandratana. Il a beaucoup fait pour l'— des sciences. Nanao mafy izay *hampandrosoana* ny fahaizana samihafa izy. Il a obtenu de l'—. Nahazo *fisondrotana, fisandratana* izy.

AVANCER, *va*. 1° Mandroso, mampandroso, manakisaka. Avancez les plats, la table. *Arosoy, ampandrosoy, akisaho* ny lovia, ny latabatra. — la montre. *Mampandroso* ny famantaranandro. 2°—, Manafaingana. J'ai avancé le jour de mon départ. *Nohafainganiko* ny andro ialako. 3°—, Manome vola mialoha. J'ai avancé cent piastres à l'architecte. *Nanome* ariary zato *mialoha* ny tompo-marika abo. 4°—, Milaza. Il ne prouve pas ce qu'il avance. Tsy manamarina izay *lazainy* izy.

—, *vn*. Mandroso, mialoha, mihafaingana, manao angady be lela, mitsopaka, misondrotra, misandratra. Avance donc. *Mandrosoa* re. L'armée avança rapidement. *Nandroso* haingana ny tafika. Votre montre avance. *Mialoha, mihafaingana* ny famantaranandronao. Cette maison avance trop sur la rue. *Mandroso* loatra amy ny araben-dálana io trano io. Vous avez avancé sur mon terrain. *Nanao angady be lela* tamy ny tokotaniko hianao. Notre affaire avance. *Mandroso* ny raharahantsika. Cet officier n'avance plus. Tsy *mandroso* voninahitra, tsy *misondrotra* intsony io manamboninahitra io.

S'avancer, *vpr*. Mandroso, mitsopaka, misondrotra, efa ho tapitra. Ce promontoire s'avance très loin dans la mer. *Mitsopaka* lavitra dia lavitra anatin' ny ranomasina io tsiraka io. || *loc*. S'— doucement comme un chasseur. Mitsaitsaika S'— en cachette. Misokosoko.

AVANIE, *sf*. Fanevatevana, fanesoana, fanalikalikana.

AVANT, *prép*. Aloha. Il est arrivé — moi. Tonga *talohako* izy. Venez — que je parte. Tongava *alohan'* ny ialako.

—, *adv*. 1° Aloha. Le jour d'—. Ny andro *mialoha*. 2°—, Lavidavitra, lalina. Il entra assez — dans le bois. Niditra *lavidavitra* hiany tao anaty ala izy. La lance n'était pas entrée bien—. Tsy nitsopaka *lalina* loatra ny lefona.

En avant, *loc. adv*. Aloha. Aller en—. *Mialoha*, mandeha *aloha*. || *loc*. Mettre en— une proposition fausse. Mamosaka hevi-diso.

AVANT, *sm*. Loha sambo.

AVANTAGE, *sm*. 1° Soa, fanambinana, tombo, tombon-dahy, ny mahasoa, ny mahatsara, tsara. Quel— tirerez-vous de votre fortune? *Soa* inona no ho azonao amy ny harenao? Il a tous les avantages de la fortune. *Ambinin*-karena izy. Quel— avez vous tiré de votre

commerce? Inona no *tombony* azonao tamy ny varotra nataonao? Il a fait des avantages à son fils aîné. Nanome *tombon-dahy* ny zanany lahimatoa izy. Chaque chose a ses avantages et ses inconvénients. Ny zavatra rehetra samy manana ny *mahasoa* sy ny tsy mahasoa, ny *mahatsara* sy ny maharatsy azy. Il a parlé à votre —. Nataony *tsara* lazaina hianao. 2°—, Hatsarana lehibe kokoa, hery, fandresena. L'ennemi avait l'— du terrain. *Tsaratsara* toerana *kokoa* ny fahavalo. Nous avons eu de grands avantages dans le combat. *Nahery. nandresy* mahagaga isika tamy ny ady.

AVANTAGER, *va.* Manome soa, manome tombo, — tombon-dahy.

AVANTAGEUSEMENT, *adv.* Amimpanambinana, tsara, tsaratsara kokoa, amim-pireharehana.

AVANTAGEUX, EUSE, *adj.* 1° Mahasoa, mahatsara, tsara. Mariage—. Fanambadiana *mahasoa.* Mise avantageuse. Fitafiana *mahatsara.* Avoir une opinion avantageuse de quelqu'un. Mihevitra olona anankiray ho *tsara.* Il m'a parlé de vous d'une manière avantageuse. Nataony *tsara* lazaina tamiko hianao. 2°—, Tsaratsara kokoa. Position avantageuse. Toerana *tsaratsara kokoa.* 3°—, Mirehareha. Prendre un air —. Manao toetr'olona *mirehareha.*

AVANT-BRAS, *sm.* Lanton-tánana.

AVANT-COUREUR, *sm.* 1° Mpialoha. 2° *fig.* Famantarana, fambara. Les frissons sont les avant-coureurs de la fièvre. Ny fahamari-koditra no *famantarana* ny hihavian'ny tazo. Tous les signes qui doivent être les avant-coureurs du jugement dernier. Ny famantarana rehetra izay ho *fambaran'* ny fitsarana farany.

AVANT-DERNIER, IÈRE, *adj.* Mialoha ny farany. Mon avant-dernière lettre. Ny taratasiko *talohan' ilay farany.*

AVANT-GARDE, *sf.* Loha lálana amy ny tafika.

AVANT-GOÛT, *sm.* Santatra. La joie du juste est un— du bonheur du ciel. Ny fifalian' ny olo-marina dia *santatry* ny hasambarana any an-danitra.

AVANT-HIER, *adv.* Afakomaly.

AVANT-POSTE, *sm.* Mandry tsy aman' afo.

AVANT-PROPOS, *sm.* Sasin-teny, teny mialoha.

AVANT-VEILLE, *sm.* Indroa andro aloha.

AVARE, *adj.* et *s.* 1° Mahidy, mihirim-belona, mahihitra, kahihitra. C'est un —. *Mahidy,* etc., izy. 2° *fig.* Mahihitra, matsitsy. Il est—de son temps. *Mahihitra, matsitsy* ny androny izy.

AVARICE, *sf.* Fahidiana, fihirinam-belona, fahihirana.

AVARIE, *sf.* Fahasimban-tsambo, fahasimbana entam-barotra.

AVARIÉ, ÉE, *adj.* Simba.

AVARIER, *va.* Manimba. Le vent a avarié la mâture. Ny rivotra *nanimba* ny salazan-tsambo.

S'avarier, *vpr.* Mihasimba.

AVEC, *prép.* Amy, an—, mbamy, miaraka, forme relative. Couper — un couteau. Mandidy *amy* ny antsy. Je vous donne — joie ce que vous avez demandé. Omeko *an*-kafaliana izay nangatahinao. Il est parti — ses enfants. Lasa *mbamy* ny zanany izy. Il mange tous les jours — moi. *Miara*-mihinana *amiko* isan' andro izy. Voilà le bois—lequel je bâtirai ma maison. Indro ny hazo *hanaovako* ny tranoko. Séparez les bons fruits d'— les mauvais. Avaho *amy* ny voankazo ratsy ny tsara.

Avec tout cela. Kanefa, na dia izany aza. Avec tout cela vous êtes battu. *Kanefa,* etc., resy hiany hianao.

AVENANT, ANTE, *adj.* Malemy fanahy,— paika.

À l'avenant, *loc. adv.* Tahaka izany.

AVÈNEMENT, *sm.* 1° Fahatongavana, fihaviana. Le futur—du Sauveur. Ny *hahatongavana,* ny *hihavian'* ny Mpamonjy. 2°—, Fisehoana, fanandratana. Depuis son—au trône. Hatramy ny *nisehoany* ho mpanjaka. Depuis son—au pontificat. Hatramy ny *nanandratana* azy ho papa.

AVENIR, *sm.* 1° Ny ho avy. Dieu seul connaît l'—. Andriamanitra irery no mahalala *ny ho avy.* 2°—, Toetra ho avy. Il est inquiet sur son—. Manahy ny *ho toetrany* izy.

À l'avenir, *loc. adv.* Amy ny ho avy, amy ny sisa. Ne faites pas cela à l'—. Aza manao izany *amy ny ho avy,* etc.

AVENT, *sm.* Avent, ny andro hiomanana amy ny fetin' ny Noely.

AVENTURE, *sf.* Zavatra mahagaga tonga amy ny olona. Racontez vos aventures. Tantarao ny *zavatra mahagaga tonga taminao.* 2° —, Zavatra anaovana vy very. Tenter l'—. *Manao vy very.*

À l'aventure, *loc. adv.* Mosalahy.
D'aventure, *loc. adv.* Sendra.
AVENTURER, *va.* Manao mosalahy, — kitoatoa, — vy very. Il aventura son bien dans le commerce. *Nanao mosalahy, —kitoatoa* ny hareny, *nanao vy very* tamy ny varotra izy. Voy. HASARDER.
S'aventurer, *vpr.* Manao mosalahy, — kitoatoa, — vy very.
AVENTUREUX, EUSE, *adj.* Manao mosalahy, — kitoatoa, — vy very.
AVENTURIER, IÈRE, *s.* Mpanao mosalahy, mpanao vy very, mpandehandeha mosalahy, fetsy ratsy.
AVENU, UE, *adj.* Non —. Foana.
AVENUE, *sf.* Arabe fidirana, vava lálana. Garder les avenues. Miambina ny *fidirana, vava lálana.*
AVÉRÉ, ÉE, *adj.* Fantatra miharihary. C'est un fait—. Zavatra *fantatra miharihary* izany.
AVÉRER, *va.* Manamarina, manaporofo.
AVERSE, *sf.* Ranonorana mivatravatra.
AVERSION, *sf.* Fankahalana, halavolo, tsy fitiavana. Comme HAINE.
AVERTI, IE, *p.* et *adj.* Nilazana, nanambarana.
AVERTIR, *va.* Milaza, manambara, mampandre. Je vous avertis que votre ami est arrivé. *Milaza, manambara* aminao, *mampandre* anao aho fa tonga ny sakaizanao.
S'avertir, *vpr.* Mifampilaza, mifanambara.
AVERTISSEMENT, *sm.* Filazana, fanambarana, fampandrenesana.
AVEU, *sm.* 1° Fiekena, fanekena, fitsorana, fibabohana, fidabohana. Il a fait l'— de sa faute. *Nieky, naneky* ny hadisoany, *nitsotra, nibaboka, nidaboka* noho ny hadisoany izy. Je ne veux rien faire sans votre—. Tsy hanao na inona na inona aho raha tsy *ekenao*. 2°—, Filaza. De l'— de tous il est innocent. Araka ny *filazan'* ny be sy ny maro tsy manan-tsiny izy. ‖ *loc.* Homme sans—. Mpiriorio, mpirenireny.
AVEUGLE, *adj.* et *s.* Jamba. La colère rend—. *Mahajamba* ny hatezerana.
En aveugle, *loc. adv.* Comme AVEUGLÉMENT.
AVEUGLEMENT, *sm.* Hajamban-tsaina.
AVEUGLÉMENT, *adv.* An-jamba. Obéir—. Manaiky *an-jamba,* — ambony hiany, — be, — be fahatany.
AVEUGLE-NÉ, NÉE, *s.* et *adj.* Jamba hatrany an-kibo.
AVEUGLER, *va.* Manajamba, mahajamba, mampirendrirendry, mamono maso. L'éclat du soleil m'aveugle. Ny famirapiratry ny masoandro *manajamba, mahajamba* ahy, *mampirendrirendry, mamono* ny *masoko.* 2° *fig.* Mahajamba, mahadala. La passion aveugle. *Mahajamba, mahadala* ny fitiavan-doatra.
S'aveugler, *vpr.* Tsy mahita, jamba.
AVIDE, *adj.* 1° Mitsiriritra. Il est — de gloire. *Mitsiriri*-boninahitra izy. 2° —, Lian-kanina, milelamaoka, milendalenda. Il est si — qu'il dévore plutôt qu' il ne mange. *Lian-kanina*, etc., loatra izy ka efa tsy hoe homana intsony fa sesimontotra. 3° *fig.* Matimatin-karena. Un homme—. Lehilahy *matimatin-karena.*
AVIDEMENT, *adv.* 1° Amim-pitsiriritana. 2° —, Amin-kalianana.
AVIDITÉ, *sf.* 1° Fitsiriritana. 2° —, Halianana. ‖ *loc.* Manger avec —. Mamosibosika, mandrapadrapaka, mandrebodreboka. 3° *fig.* Fitiavan-karena loatra.
AVILI, IE, *p.* et *adj.* 1° Nalam-baraka, afa-baráka, nalam-boninahitra, afa-boninahitra, afa-pofona, vazina. 2°—, Nihembidy.
AVILIR, *va.* 1° Manala baraka, mahafabaráka, manala voninahitra, mahafa-boninahitra, mahavazina. La mauvaise conduite avilit. Ny fitondran-tena ratsy *manala baráka,* etc. 2° *fig.* Mampihena vidin-javatra. L'abondance de l'or en avilit le prix. Ny habetsahan' ny volamena *mampihena* ny *vidiny.*
S'avilir, *vpr.* Manala bara-tena, manala voninahi-tena, manavazin-tena, mivazina.
AVILISSANT, ANTE, *adj.* Mahafabaraka, mahafa-boninahitra, mahavazina.
AVILISSEMENT, *sm.* Fahafahambaraka, fahavazinana.
AVIRON, *sm.* Fivoy.
AVIS, *sm.* 1° Hevitra, saina. Je suis de ton —. Miray *hevitra, saina* aminao aho. Demander à quelqu'un son—. Maka *hevitra,* mila *saina* amin' olona. Selon l'— du médecin vous devez changer d'air. Araka ny *hevitry* ny dokotera tokony haka rivotra hianao. 3°—, Filazana, fanambarana, fampandrenesa-

na. Je vous donnerai — de tout. *Holazaiko, hambarako* aminao, *hampandrenesiko* anao ny zavatra rehetra.

AVISÉ, ÉE, *adj.* Hendry, malina.

AVISER, *vn.* Mihevitra, mandinika. J'aviserai à ce qu'il faut faire. *Hoheveriko, hodinihiko* izay tokony hatao.

S'aviser, *vpr.* 1° Mihevitra, mahita, mamorona. Il s'en est avisé trop tard. Ela loatra vao *nihevitra, nahita* izany izy. Il s'avisa d'un bon expédient. *Nahita, namoron*-kevitra tsara hanatanterahana izany izy. 2° —, Sahy. Ne vous avisez pas de lui mentir. Aza *sahy* mandainga aminy.

AVISO, *sm.* Sambo kely mpiady fanirakiraka.

AVOCAT, *sm.* Mpisolo vava.

Avocat, ate, *s.* Mpanalálana, mpiaro. Jésus-Christ est notre — auprès de son Père. Jeso-Kristy no *mpanalalantsika, mpiarontsika* ao amy ny Rainy.

AVOINE, *sf.* Karazam-barim-bazaha fanome ny soavaly.

AVOIR, *va.* 1° Manana. Il a des livres. *Manam*-boky izy. 2°—, Mahazo. On n'a pas ce livre facilement. Tsy mora *azo* izany boky izany. 3°—, Misy. Cette ville a de beaux édifices. *Misy* trano tsara izany tanána izany. Il y a des gens qui croient les plus grosses absurdités. *Misy* olona mino zavatra tsy misy heviny. ‖ *loc.*— de la vigueur. Matanjaka. — peur. Matahotra. —des douleurs d'estomac. Marary am-bavafo. J'ai vingt ans. Efa roa-polo taona aho. Il y a cinq ans que je l'ai vu. Dimy taona izay no nahitako azy. Qu'avez-vous dans la main? Inona no ao an-tánanao? J'ai à faire une visite. Tsy maintsy hamangy olona aho.

AVOIR, *sm.* Fananana, harena. C'est tout son—. Izany no hany *fananany, hareny.*

AVOISINER, *va.* Akaiky, manakaiky. Sa maison avoisine la mienne. *Akaiky, manakaiky* ny ahy ny tranony.

AVORTEMENT, *sm.* Fahafahan-jaza, famotsorana.

AVORTER, *vn.* 1° Afa-jaza, vaky manta (pour les femmes), mamotsotra (pour les animaux), mandamóka (pour les œufs), tsy vanona (pour les plantes), lamóka (pour les fruits), manakofa (pour le riz). Œuf avorté. Atody *mandamóka, lamokan'* atody. Fruit—. *Lamokam*-boankazo. Riz—. *Akofa.* 2° *fig.* Tsy tanteraka. Le projet avorta. *Tsy tanteraka* ny fikasana.

AVORTON, *sm.* 1° Zaza tsy tonga volana, zava-maniry tsy vanona, lamokanjavatra, akofa. 2° *fig.* Olona botry.

AVOUABLE, *adj.* Azo ekena.

AVOUÉ, *sm.* Mpanampy ny mpiady am-pitsarana.

AVOUER, *va.* Manaiky, miaiky, mitsotra, mibaboka, midaboka. Il avoua sa faute. *Nanaiky, niaiky* ny helony izy, *niaiky* heloka izy, *nitsotra, nibaboka, nidaboka* tamy ny helony izy. Il a avoué sa dette. *Nanaiky* ho ananan-trosa izy.

S'avouer, *vpr.* Manaiky, miaiky, mitsotra, mibaboka, midaboka. Il s'est avoué vaincu. *Nanaiky, niaiky* ho resy izy.

AVRIL, *sm.* Volana fahefatra amy ny taona vazaha, aprily. ‖ *loc.* Poisson d'—. Fitaka vosobosotra fanao amy ny andro voalohan' ny aprily.

AXE, *sm.* Tsipika maninteraka ny afovoany ny giloby na zavatra hafa, sady ihodinany.

AXIÔME, *sm.* Foto-kevitra miharihary.

AYE, *int.* Comme AÏE.

AZUR, *sm.* Hamanga. L'—du firmament. Ny *hamangan'* ny lanitra.

AZURÉ, ÉE, *adj.* Manga, toy ny vodilanitra.

AZYME, *adj.* Tsy misy lalivay. Pain—. Mofo *tsy misy lalivay.*



B

BABIL, *sm.* Vatsavatsa, taria, tafa, karijo, tsaontsaom-bava, kamentsona, pentsompentsona.

BABILLAGE, *sm.* Fivatsavatsana, fitariavana, fitafana, tsaontsaom-bava, fikamentsonana, fipentsompentsonana.

BABILLARD, ARDE, *adj.* et *s.* Mpivatsavatsa, mpitaria, mpitafa, be karijo, tsaontsaom-bava, be kamentsona, mpikamentsona, mpipentsompentsona.

BABILLER, *vn.* Mivatsavatsa, mitaria, mitafa, mitsaontsaom-bava, mikamentsona, mipentsompentsona.

BABIOLE, *sf.* 1° Kilalaon'ankizy. 2° *fig.* Tay tsy raha, zavatra tsinontsinona, zavatra tsy raha.

BABORD, *sm.* Ankavian-tsambo.

BAC, *sm.* Salána fampitana amy ny renirano.

BACCALAURÉAT, *sm.* Ambaratonga voalohany amy ny oniversity.

BÂCHE, *sf.* Hoditra *na* lamba mandrakotra ny kalesy.

BACHELIER, *sm.* Mahazo ny fitomboka voalohany amy ny oniversity.

BÂCLER, *va.* Manao an-tehaka,— antefaka,— zara fa vita.

BADAMIER, *sm.* Atafa.

BADAUD, AUDE, *s.* Mpitandrantandrana, mpitananaka, bado.

BADIGEONNAGE, *sm.* Fanosorana rindrina.

BADIGEONNER, *va* Manosotra rindrina.

BADIGEONNEUR, *sm.* Mpanosotra rindrina.

BADIN, INE, *adj.* et *s.* Misangisangy, manao kivazivazy, hatsikana.

BADINAGE, *sm.* Sangisangy, kivazivazy, hatsikana.

BADINE, *sf.* Rotsa-kazo, tsora-kazo, tsontsora-bazaha.

BADINER, *sm.* Misangisangy, manao kivazivazy,— hatsikana.

BADINERIE, *sf.* Comme Badinage.

BAFOUER, *va.* Mikizaka, manaraby, manevateva.

BAGAGE, *sm.* 1° Entana. 2° *fig.* Plier—. Miala mangingina, mandositra.

BAGARRE, *sf* Tabataba, kotabataba. Je me suis tiré de cette—. Afaka tamin' izany *tabataba*, etc., izany aho.

BAGASSE, *sf.* Faikam-pary, fia-pary.

BAGATELLE, *sf.* Potipoti-javatra, zavatra tsinontsinona. Il s'amuse à des bagatelles. Milalao amy ny *zavatra tsinontsinona* izy

BAGNE, *sm.* Tranon-gadralava.

BAGUE, *sf.* Peratra, fera.

BAGUENAUDER, *vn.* Milalao amy ny zavatra tsinontsinona.

BAGUETTE, *sf.* Tsora-kazo, rotsa-kazo. ‖ *loc.* — de fusil· Firitsoka, fihitso-basy, firitso-basy, ramiraja. Baguettes de tambour. Fivelezan-dangorony.

BAGUIER, *sm.* Fitoeram-peratra.

BAH! *int.* Ehe! —, ce n'est pas possible. *Ehe!* tsy azo inoana izany.

BAI, BAIE, *adj.* Manjamena. Cheval—. Soavaly *manjamena*.

BAIE, *sf.* Helo-dranomasina, bay.

BAIGNÉ, ÉE, *adj.* Safotra, vonto, kotsa. Des yeux baignés de larmes. Maso *safotra, vonton*-dranomaso. Il est— de sueur. *Kotsan*'ny hatsembohana izy.

BAIGNER, *va.* 1° Mampandro.— un enfant. *Mampandro* zaza. 2°—, Manafotra. Les pleurs baignent son visage. Ny ranomaso *manafotra* ny tarehiny. 3°—, Manolotra. La rivière baigne mon jardin. *Manolotra* ny tanimboliko ny renirano. —, *vn.* Milóna, misóka. Le linge baigne dans la lessive. *Milóna, misóka* ao anaty ranon-davenona ny lamba.

Se baigner, *vpr.* Mandro, milóna.

BAIGNEUR, EUSE, *s.* Mpandro, mpilóna.

BAIGNOIRE, *sf.* Filómana.

BAIL, *sm.* Fanofána.—de cinquante ans. *Fanofána* maharitra dimam-polo taona.

BÂILLEMENT, *sm.* Fanoaka.

BÂILLER, *vn.* 1° Manoaka. Vous bâillez sans cesse. *Manoaka* lalandava hianao. 2° *fig.* Mitanáka, mitafitafy. Le caïman bâillait au soleil. *Nitanáka* tamy ny ·hainandro ny voay. Ne laissez pas— la porte. Aza avela *hitafitafy* ny varavarana.

BÂILLEUR, EUSE, *s.* Mpanoaka.

BAILLEUR, ERESSE, *s.* Mpampanofa. ‖ —de fonds. Mpanome vola atao varotra.

BÂILLON, *sm.* Tampim-bava.

BÂILLONNER, *va.* Manisy tampimbava, manampim-bava,

BAIN, *sm.* 1° Fandroana, filomana, fievohana. — de siège. *Filoman*-tapaka.— de vapeurs. *Fievohana.* 2°—, Rano fandroana. 3°—, Trano na tokotany fandroana. ‖ *loc.* — marie. Rano mafana ametrahana kafitera na zavatra hafa misy izay tian-kohafanaina.

BAIONNETTE, *sf.* Benitra.

BAISER, *va.* Manoroka, manao mamikely.

Se baiser, *vpr.* Mifanoroka.

BAISER, *sm.* Fanorohana, mamikely.

BAISOTER, *va.* Manorokoroka.

BAISSE, *sf.* Fihenám-bidy.

BAISSÉ, ÉE, *adj*, Miondrika. ‖ *loc.* Aller tête baissée au combat. Mikimpy raha miady. Il a donné tête baissée dans le piège. Nandeha an-jamba izy ka voa fitaka.

BAISSER, *va.* 1° Manetry, mampidina, manalemy, manondrika, mamitsaka.— un mur. *Manetry* ampiantany.—le pavillon. *Mampidin*-tsaina.— la voix. *Mampidina, manalemy* feo. Baissez la tête. *Aondreho, afitsaho* ny lohanao, *miondreha.* ‖ *loc.*— les yeux. Mijery ambany, mampandry maso. 2° *fig.* Mampihena, mandetsy.—le prix des marchandises. *Mampihena,* etc., ny vidim-barotra. ‖ *loc.*— pavillon. Mitsangan-kazo fotsy, mikoy, miaiky ho resy.

—, *vn.* Mihena, miletsy, mitambotsotra, mandrorona, misintona. Cette marchandise baisse. *Mihena, miletsy, mitambotsotra* ny vidin'izany varotra izany. Le jour baisse. *Mandrorona* ny andro. Son intelligence baisse. *Mihena, mandrorona* ny sainy. L'eau du fleuve baisse. *Mihena, mitambotsotra, misintona* ny rano an' ony.

Se baisser, *vpr.* Miondrika, mifitsaka.

BAL, *sm.* Dihy, danisé.

BALADIN, *sm.* Hatsikana, ariralahy, kapotsaka.

BALAFRE, *sf.* Voakapan-java-maranitra amy ny tava, holatra lehibe amy ny tava.

BALAFRER, *va.* Mikapa tava.

BALAI, *sm.* Kofafa.

BALANCE, *sf.* 1° Mizana. 2° *fig.* Tenir la —égale. Tsy miangatra, tsy mizaha tavan' olona, tsy manao mizana tsindriana ila. Faire pencher la—. Manampy ny ankilany. Mettre en —les avantages et les inconvénients. Mandinika ny mahasoa sy ny tsy mahasoa. Etre en—. Misalasala, miroahana. Faire la—. Mandinika ny mivoaka sy ny miditra amy ny varotra.

BALANCEMENT, *sm.* Fikivilivily, fisavilivily, fikapilipily, fivezimbezina, fihilangilana, fihevingevina, fidoladola, fitolatola.

BALANCER, *va.* 1° Manakivilivily, manasavilivily, mampisavilivily, manipy, mamezimbezina, mampivezimbezina, mampihilangilana, mampihevingevina, manadoladola, manatolatola, mampitolatola, mandrotsirotsy. —les bras. *Manakivilivily, manasavilivily, mampisavilivily, manipy* sandry. —son corps. *Manadoladola, manatolatola, mampitolatola* ny tenany. —un enfant pour le faire taire ou dormir. *Mandrotsirotsy* zaza kely mba hampangina na hampatory azy. 2° *fig.* Mandinika, mampifandanja, manonitra. — le pour et le contre. *Mandinika* ny mahamety sy ny tsy mahamety. Dieu sait—les choses humaines. Andriamanitra mahay *mampifandanja* ny zavatra aty ambonin' ny tany. Le gain balance la perte. Ny tombom-barotra *manonitra* ny fatiantoka.

—, *vn.* 1° Mikivilivily, misavilivily, mivezimbezina, mihilangilana, mihevingevina, midoladola, mitolatola. Le vent fait — la pirogue. Ny rivotra *mampivezimbezina, mampihilangilana, mampihevingevina* ny lakana. 2° *fig.* Misalasala, miroahana, mihambahamba. Il n' y a pas à —.Tsy misy *isalasalana, ihambahambana.*

Se balancer, *vpr.* 1° Mikivilivily, misavilivily, mikapilipily, midoladola, mitolatola, miraidraika. Il se balance sur une escarpolette. *Mikivilivily, misavilivily, mikapilipily* amy ny antsavily izy. Il se balance sans cesse en marchant. *Midoladola, mitolatola, miraidraika* mandrakariva izy raha mandeha. 2° *fig.* Mifanonitra, mifameno. Les profits et les pertes se balancent. *Mifanonitra, mifameno* ny tombom-barotra sy ny fatiantoka.

BALANCIER, *sm.* Kapily.

BALANÇOIRE, *sm.* Antsavily.

BALAYAGE, *sm.* Famafána.

BALAYER, *va.* 1° Mifafa, mamafa. Balayez bien la maison. *Fafao* tsara ny trano. 2° *fig.* Mandroaka, mampisava.— l'ennemi. *Mandroaka* ny fahavalo. Le vent a balayé les nuages. Ny rivotra *nandroaka, nampisava* ny rahona.

BALAYEUR, EUSE, *s.* Mpifafa, mpamafa.

BALAYURES, *sf. pl.* Fakofako, fikotra, lavenona.

BALBUTIEMENT, *sm.* Fiakanakanana, fivakavakana, fiambakambakana, fibadabadana, fiambatrambarana, fiakakávana.

BALBUTIER, *vn.* et *a.* 1° Miakanakana, mivakavaka, miambakambaka, mibadabada, miambatrambatra, adala vava, miakaká. C'est un enfant qui balbutie encore. Zaza kely mbola *miakanakana,* etc., fiteny izy. 2° *fig.* Il n'a fait que — dans son discours. *Niakanakana,* etc., izy tamy ny izy nandaha-teny.

BALCON, *sm.* Lavarangana tsy misy tongony.

BALDAQUIN, *sm.* 1° Tataro. Voy. Dais. 2°—, Tatarom-pandriana.

BALEINE, *sf.* Trozona. 2° —, Somotrozona.

BALEINÉ, ÉE, *adj.* Misy somo-trozona.

BALEINEAU, *sm.* Zana-trozona.

BALEINIER, *adj.* et *sm.* Sambo mpihaza trozona.

BALEINIÈRE, *sf.* Lakan-drafitra.

BALISIER, *sm.* Ambaradeda.

BALIVERNE, *sf.* Zavatra tsinontsinona, zava-poana.

BALLE, *sf.* 1° Baolina. 2°—, Bala. 3°—, Anentana.

BALLON, *sm.* 1° Baolina makadiry. 2° —, Balóna.

BALLONNÉ, ÉE, *adj.* Mivozihitra, mizihitra, midibadiba, mizihizihy. Il a le ventre—. *Mivozihitra,* etc., ny kibony.

BALLONNEMENT, *sm.* Fivozihitra, fizihitra, fidibadiba, fizihizihy.

BALLONNER, *va.* Manavozihitra, mampivozihitra, mampizihitra, manadibadiba, mampidibadiba, mampizihizihy.

Se ballonner, *vpr.* Mivozihitra, mizihitra, midibadiba, mizihizihy.

BALLOT, *sm.* Anentana, bandiana.

BALLOTTEMENT, *sm.* Fivezimbezenana, fihilangilanana, fihevingevenana.

BALLOTTER, *va.* Mamezimbezina, manilangilana, manevingevina. Les vaisseaux étaient ballottés par la tempête. Ny taflo-drivotra *namezimbezina,* etc., ny sambo.

—, *vn.* Mivezimbezina, mihilangilana, mihevingevina. La porte ballotte. *Mivezimbezina,* etc., ny varavarana.

BALOURDISE, *sf.* Hadalana, zavatra tsy voahevitra.

BALSAMINE, *sm.* Benjamina.

BALUSTRADE, *sf.* Arofanina, vala.

BAMBIN, INE, *s.* Zazabodo, zaza kely.

BAMBOCHES, *sf. pl.* Fanaovana fiainana, fandanian-karena foana.

BAMBOCHER, *va.* Manao fiainana, mandany harena foana.

BAMBOCHEUR, EUSE, *s.* Mpanao fiainana, mpandany harena foana.

BAMBOU, *sm.* Volo, volotsangana.

BAN, *sm.* Filazana ampahibemaso. —de mariage. *Filazana ampahibemaso* ao amy ny trano leghzy ny hatao mariazy. ‖ *loc.* Convoquer le—et l'arrière—. Manaika ny andriana tompom-bodivona rehetra mba hiady. Mettre au—de l'empire. Mandroaka mba hiala amy ny fanjakana.

BANAL, ALE, *adj.* Tsy mendrika. Mot—. Teny *tsy mendrika.*

BANALITÉ, *sf.* Zavatra tsy mendrika.

BANANE, *sf.* Akondro, voan'akondro.

BANANIER, *sm.* Akondro, vatan' akondro. Bouquet du—qui doit porter les fruits. Embok'*akondro.*

BANC, *sm.* Dabolio, bá. ‖ *loc.* Etre sur les bancs. Mianatra. —de sable. Vongovongom-pasika ao anaty rano. —de poissons. Andian-kazandrano.

BANCAL, ALE, *adj.* et *s.* Bingo, miady loháika.

BANCOULIER, *sm* Savokara.

BANDAGE, *sm.* Famehezam-pery. 2°—, Fehim-pery, bandy.

BANDE, *sf.* 1° Fehy, bandy, anjaka, tsorian-javatra. —placée sur une plaie. *Fehy, bandy* voapetaka amy ny fery. Mettre une—de fer à une roue. Manisy *anja*-bý amy ny kodiarana. —de gazon. *Tsorian'* ahi-maitso. Mettre sous—un journal. *Mamehy* gazety amy ny *tsorian*-taratasy. 2°—, Andiany, toko, antoko, dia, tarika. Partagez les soldats en trois bandes. Zarao ho *andiany, antokony* telo, ho telo *toko,* ho telo *dia* ny miaramila. Une — de voleurs, d'oi-

seaux. *Andian*-tontakely, *andiam*-borona; tontakely, vorona iray *dia*, — *toko*, — *tarika*. Etre en plusieurs bandes. *Mitsitokoloko*.

BANDEAU, *sm*. 1° Fehiloha, satrok' andriana. — royal. *Satrok' andriana*. 2° —, Tampi-maso. 3° *fig*. Il a un — sur les yeux. Tampina ny masony, tsy mahita ny marina izy.

BANDELETTE, *sf*. Bandy kely.

BANDER, *va*. 1° Mamehy, manisy fehy, — bandy. — une plaie. *Mamehy, manisy fehy*, — *bandy* fery. — la tête d' un malade. *Mamehy* ny lohan' ny marary. 2° —, Manisy tampi-maso. — les yeux à quelqu'un. *Manisy tampi-maso* olona. 3° —, Manenjana. —un arc. *Manenjana* tsipíka.

BANDEROLE, *sf*. Saina madinika, faneva.

BANDIT, *sm*. Jiolahy, mpiriorio, mpirenireny.

BANDOULIÈRE, *sf*. Samboady. Portez votre fusil en—. Ataovy *samboady* no fitondra ny basinao.

BANLIEUE, *sf*. Ny manodidina ny renivohitra.

BANNI, IE, *adj*. et *s*. Voaroaka, noroahina, nasesi-tany.

BANNIÈRE, *sf*. 1° Saina, saina misy sary fitondra amy ny *procession*. 2° *fig*. Saina. Se ranger sous la— de quelqu'un. Momba ny *saínan'* olona.

BANNIR, *va*. 1° Mandroaka, manao sesi-teny. On l'a banni. *Noroahina, nasesi-tany* izy. 2° *fig*. Manesotra, mandroaka. L'amour bannit la crainte. Ny fitiavana *manesotra*, etc., ny tahotra.

BANNISSEMENT, *sm*. Fandroahana, sesi-tany.

BANQUE, *sf*. Trano fampanjanahambola, banky.

BANQUEROUTE, *sf*. Tsy fahaloavantrosa, fitondran-kitra, bankeroty. Faire —. *Tsy mahaloa* volan' olona, *mitondra kitra*, manao *bankeroty*.

BANQUEROUTIER, IÈRE, *s*. Olona manao bankeroty.

BANQUET, *sm*. Fihinanam-be.

BANQUETER, *vn*. Homam-pý lava, manao vakim-borona.

BANQUETTE, *sf*. Dabolio.

BANQUIER, *sm*. Mpanao banky.

BAOBAB, *sm*. Bontóna.

BAPTÊME, *sm*. 1° Batemy, batisa. 2° —, Fitsofan-drano.

BAPTISÉ, ÉE, *p*. Vita batemy, vita batisa.

BAPTISER, *va*. Manao batemy. 2°—, Mitso-drano. —une cloche. *Mitso-drano* lakolosy. 3° *fig*. Manampo-drano. — le lait. *Manampo-drano* ny ronono.

BAPTISMAL, ALE, *adj*. Momba ny batemy. Eau baptismale. Rano *fanaovana batemy*. Fonts baptismaux. Tavy lehibe fitoeran-drano *fanaovana batemy*.

BAPTISTÈRE, *sm*. Trano fanaovambatemy.

BAQUET, *sm*. Tavy hazo.

BARAGOUIN, *sm*. Beroberoka, baiko.

BARAGOUINAGE, *sm*. Fiboredehana.

BARAGOUINER, *vn*. Miberoka, mibaiko.

—, *va*. Miboredika.

BARAGOUINEUR, EUSE, *s*. Mpiboredika.

BARAQUE, *sf*. Trano tomboka, trano bongo.

BARBARE, *adj*. et *s*. 1° Masiaka. Des soldats barbares. Miaramila *masiaka*. 2°—, Baribariana, adala, dia. Les peuples barbares. Ny firenena *baribariana*, etc. 3°—, Manta. Style—. Laha-teny *manta*.

BARBARIE, *sf*. 1° Hasiahana, halozana. 2°—, Hadalana. 3°—, Hamanta.

BARBARISME, *sm*. Hadisoan-teny mifanohitra amy ny fanao.

BARBE, *sf*. 1° Volom-bava, volon-tsomaka, volon-tsaoka, somotra, tretraka. Jeune homme dont la — commence à pousser. Tovolahy vao vaky *somotra*.— de riz. *Somo*-bary.— de baleine. *Somotrozona*.— de maïs. *Somo*-katsaka, volondohan-katsaka.—d'un coq. *Tretrak*'akoholahy. 2° *fig*. Rire dans sa —. Mihimokimoka. Faire la — à quelqu'un. Mihoatra olona, mandresy lahatra olona.

BARBET, ETTE, *s*. Alika kely lava volo.

BARBICHE, *sf*. Somotr' osy, volom-bavan' osy.

BARBIER, *sm*. Mpanaratra volom-bava.

BARBOTER, *vn*. Misotrasotra. Le canard barbote dans l'eau. *Misotrasotra* amy ny rano ny vorombazaha.

BARBOUILLAGE, *sm* 1° Hoso-doko ratsy, soratra mifotetaka. 2° *fig.* Fiboredika.

BARBOUILLER, *va* 1° Manafotetaka, manasolotika, manasotitika.— une porte avec de la boue. *Manafotetaka*, etc., varavarana amy ny fotaka. 2°—, Manao ratsy hoso-doko,— soratra mifotetaka.— un mur. *Manao ratsy hoso-doko* ny rindrina.— du papier. *Manao soratra mifotetaka.* 3° *fig.* Miboredika. Il n'a fait que — en parlant. *Niboredika* be hiany izy nony niteny.

Se barbouiller, *vpr.* Manafotetaka ny tenany, manasolotika—, manasotitika—.

BARBOUILLEUR, *sm.* 1° Mpanao ratsy hoso-doko,— soratra mifotetaka. 2° *fig.* Mpiboredika.

BARBU, UE, *adj.* Somorina, be somotra, be volom-bava.

BARDÉ, ÉE, *adj.* Mifono, miakanjo. Soldat—de fer. Miaramila *miakanjo* vy.

BARDEAU,*sm.* Kapila hazo atafo trano.

BARDOT, *sm.* Ramole kely.

BARIL, *sm.* Barika kely.—de poudre. *Barika kelim*-banja, pipa.

BARIOLAGE, *sm.* Fipontimpentina.

BARIOLÉ, ÉE, *adj.* Mipentimpentina, bemiray. Mur—. Rindrina *mipentimpentina.* Habit—. Akanjo *bemiray.*

BARIOLER, *va.* Manisy pentimpentina, mampipentimpentina.

BAROMÈTRE, *sm.* Barometra.

BAROMÈTRIQUE, *adj.* Momba ny barometra.

BARON, *sm.* Andrian-tompom-bodivona.

BARONNE, *sf.* Andriambavy tompombodivona, vadin' ny *baron.*

BARONIE, *sf.* Vodivonan' ny *baron* na *baronne.*

BAROQUE, *adj.* Comme Bizarre.

BARQUE, *sf.* Lakan-draflitra. Conduire la —. Manamory *lakana* ; *fig.* mitondra raharaha.

BARRAGE, *sm.* Toho-drano, fanampenan-dálana.

BARRE, *sf.* 1° Hazo boribory na zanakazo, anjaka, tsivalan-kazo. — de fer. *Anja*-bý. || — à mine. Baramina, fanoto vý. La — du gouvernail. Ny tahon' ny fanamory. 2°—. Valamena. Il a été cité à la — du tribunal. Nalaina hankao amy ny *valamena* izy. 3° —, Tsipika, tapamahitsy. Faites une — sous ces trois mots. *Tsipiho* ireo teny telo ireo. Cet élève ne fait encore que des barres. Io mpianatra io tsy mbola manao afa-tsy *tapa-mahitsy.* 4°—, *pl.* Kilalaon' ny ankizy mifampiandany hifampisambotra.

BARREAU, *sm.* Anja-bý na hazo mamala, tsivalana, Les barreaux d'une fenêtre. Ny *anja-bý mamala* varavarankely. Les barreaux d'une chaise. Ny *tsivalan*-tseza. 2° *fig.* Raharahau' ny mpisolo vava. Il est entré dans le —. Tonga *mpisolo vava* izy.

BARRER, *va.* Manidy amy ny tsivalankazo, manampina, mamono. — une porte. *Manidy* varavarana *amy ny tsivalankazo.* — un chemin. *Manampina, mamono* lálana. — un mot. *Mamono* soratra.

BARRICADE, *sf.* Tampin-dalana hiarovan-tena.

BARRICADER, *va.* Manisy tampindálana hiarovan-tena, manisy korontana —. — une rue. *Manisy tampin-dálana hiarovan-tena.* — une porte. *Manisy korontana* amy ny varavarana *hiarovan-tena.*

Se barricader, *vpr.* Manisy tampin-dálana hiarovan-tena, mitampim-baravarana. 2° *fig.* Mihiboka, mifahy, mihizina. Il se barricade chez lui pour ne voir personne. *Mihiboka,* etc., ao aminy izy mba tsy hahita olona.

BARRIÈRE, *sf.* 1° Vala, rova. La — du chemin de fer est fermée. Mihidy ny *valan'* ny lalam-bý. 2°—, Fiarovana. Les Alpes forment une — naturelle entre la France et l'Italie. Ny tendrombohitra Alpa dia *fiarovam*-bita manelanelana any Frantsa sy Italia. 3°—, Vavahadin-tanána. Il s'est arrêté aux barrières de Paris. Nijanona tao amy ny *vavahadiny* Parisy izy. 4° *fig.* Fetra, sakana. Il faut mettre des barrières à sa puissance. Tsy maintsy *hoferana* ny fahefany. Mettre des barrières à la licence. *Misakana* ny filibána.

BARRIQUE, *sf* Barika,

BARYTON, *sm.* Fasin-kira.

BAS, BASSE, *adj.* 1° Iva, fohy, ambany, malemy, marivo, mitambotsotra, nidina, nisintona. Cette chaise est trop basse. *Iva* loatra ity seza ity. Homme de basse stature. Olona *fohy.* La basse Egypte. Ny Ejipta *ambany.* Votre voix est trop basse. *Ambany* loatra ny feonao. Parler à voix basse. Miteny *malemy.* La

rivière est basse. *Marivo* ny renirano. La marée est basse. *Nitambotsotra, nidina, nisintona* ny ranomasina. ‖ *loc.* Faire main basse sur quelque chose. Mandroba, mamabo zavatra. Faire main basse sur les ennemis. Mandripaka, mandambana, mandringana ny fahavalo. Avoir l'oreille basse. Mangaihay, menatra. Il a l'oreille basse. Ambany ny sangany. Avoir la vue basse. Pahina. Enfant en— âge. Mbola zaza. Messe basse. Lamesa tsy hiraina. 2° *fig.* Iva, ambany, tsy mendrika, tsy manjary, mora. Le— peuple, les basses classes. Izay *ambany* toetra. Qui est d'une basse extraction. *Iva, ambany* razana. Basse flatterie. Fandokafana *tsy mendrika.* Style—. Laha-teny *tsy mendrika, tsy manjary.* Acheter à — prix. Mividy *mora.*

Bas, *adv.* 1° Iva, ambany, lalina. Cet oiseau vole—. *Iva, ambany* fanidina io vorona io. Creusez plus —. Hadio *ambany, lalina* kokoa. 2° *fig.* Iva, ambany, reraka. Le malade est fort —. *Iva, ambany* ny ain'ny marary, *reraka* dia reraka ny marary. ‖ *loc.* Mettre —. Miteraka, mametraka, manolotra. La chienne a mis —. *Niteraka* ny alikavavy. Mettre — les armes. *Mametraka, manolotra* fiadiana. Mettre chapeau —. Mipoa-tsatroka, mipotra-tsatroka, miala satroka.

À bas, *loc. adv.* Ambany. ‖ *loc.* Mettre à —. Manongana, mandrava, manesotra.

— ! *int.* Ambanio! Ajanóny! Aoka ho levona!

Ici-bas, *loc. adv.* Atý an-tany atý.

Là-bas, *loc.adv.* Any, arý, irý, irokatra, iroa, irerý.

En bas, *loc. adv.* Ambany. Il est en —. Ao *ambany* izy. ‖ *loc.* Tomber la tête en—. Mianjera mitsingoloka. Se tenir droit la tête en— et les pieds en haut. Manao tsingolo-batita, — akondro lava.

BAS, *sm.* 1° Fanambány, ambany, vody, moron-tongotra. Le— d'un escalier. Ny *fanambanin'* ny tohatra. Le— d'une page. Ny *fanambany,* ny *ambanin'* ny pejy, ny *vody* pejy. Il habite au— de la montagne. Monina ao am-*bodin'* ny tendrombohitra izy. Le— d'un habit. Ny *moron-tongotr'* akanjo. 2°—, Bá. Porter des—. *Mibá.*

BASALTE, *sm.* Vatový.

BASALTIQUE, *adj.* Misy vatový.

BASANE, *sf.* Hoditr' ondry voavoatra.

BASANÉ, ÉE, *adj.* Zarazara hoditra, mivaloarika, mivalomainty. Comme HÂLÉ.

BASANER, *va.* Mampivaloarika, mampivalomainty.

Se basaner, *vpr.* Mivaloarika, mivalomainty.

BASCULE, *sf.* 1° Antsavily. 2°—, Livatra.

BASE, *sf.* 1° Vody, fanambany, fototra. La— d'un clocher. Ny *vody* tranon-dakolosy, ny *fanambany,* ny *fototry* ny tranon-dakolosy. De la — au sommet. Hatrany *am-bodiny,* hatramy ny *fanambany,* etc., ka hatrany an-tampony. 2° *fig.* Fototra, fiankinana.

BASER, *va.* Manankina.

Se baser, *vpr.* Miankina. Se— sur des faits incontestables. *Miankina* amy ny zavatra tsy azo lavina.

BAS-FOND, *sm.* 1° Tany lempona. 2° —, Ranomasina marivo. Nous échouâmes sur un—. Rendrika tao amy ny *ranomasina marivo* izahay.

BASILIC, *sm.* 1° Kiranjay vazaha. 2°—, Karazan' androngo.

BASILIQUE, *sf.* Karazan-trano leglizy lehibe sasany.

BASQUE, *sf.* Rambon' akanjo.

BASSE, *sf.* Beso, ambaviny. Les basses du *Valiha.* Ny *besom*-baliha, *ambavim*-baliha, domatiny.

BASSE-COUR, *sf.* Tokotany fitoerambiby fiompy.

BASSEMENT, *adv.* Ambany, tsy mendrika.

BASSESSE, *sf.* Fahivana, fahambaniana, tsy fahamendrehana. Ne lui reprochez pas la— de sa naissance. Aza manìny azy noho izy *iva, ambany* razana. Il s'est conduit avec—. *Tsy mendrika* ny nataony.

BASSET, *sm.* Karazan' alika mpihaza iva dia.

BASSIN, *sm.* 1° Tavy, tavin-drano, lovia. 2° —, Lela mizana. 3° —, Dobo, kamory. 4° —, Tany lemaka hodidinin' ny tendrombohitra. 5° —, Tany vakin' ny ony anankiray hatramy ny lohany ka hatramy ny vavany.

BASSINER, *va.* Mamana fandriana amy ny *bassinoire.*

BASSINET, *sm.* Sofim-basy.

BASSINOIRE, *sm.* Famanam-pandriana.

BASTINGAGE, *sm.* Arofanina manodidina ny sambo.
BASTION, *sm.* Mánda.
BASTONNADE, *sf.* Fikapohana amy ny tehina.
BASTRINGUE, *sf.* Fandihizana tsy mendrika.
BAS-VENTRE, *sm.* Kibo malemy, vaniana, andobavaniana.
BÂT, *sm.* 1° Lasely ametrahana entana. 2° *fig.* Il sait où le — le blesse. Fantany izay mampalahelo azy ; kibo mikoraraika ka ny tompony no mahalala azy.
BATACLAN, *sm.* Forongo manahirana.
BATAILLE, *sf.* Ady. Livrer —. *Miady.* Périr sur le champ de —. Maty an' *ady.* Ranger une armée en —. Mandahatra ny *mpiady.*
BATAILLER, *vn.* Miady vava, mifanditra, mifanjihitra.
BATAILLEUR, EUSE, *s.* Mpiady vava, mpifanditra, mpifanjihitra.
BATAILLON, *sm.* Antoko miaramila misy *compagnie* efatra.
BÂTARD, ARDE, *adj.* Niharatsy. Olivier —. Fototr' oliva *niharatsy.*
—, *adj.* et *s.* Zazasary, zana-dranitra.
BATEAU, *sm.* Lakan-draflitra lehibe, sambo. — à vapeur. *Sambo* sitimo.
BATELAGE, *sm.* Fitaterana entana amy ny lakan-draflitra.
BATELEUR, EUSE, *s.* Olona kinga tánana, mpampihomehy an-danonana, mpanao dihim-bazaha.
BATELIER, IÈRE, *s.* Mpanamory lakan-draflitra, mpivoy lakana.
BÂTI, IE, *p.* et *adj.* 1° Voaorina, tafaorina, naorina, natao, naraflitra. 2° *fig.* Homme bien —. Olona tsara bika. Homme mal —. Olona ratsy bika.
BÂTIMENT, *sm.* 1° Trano. 2° —, Sambo. — marchand. *Sambo* mpivarotra.
BÂTIR, *va.* Manorina, manao, mandraflitra. — un pont. *Manao, mandraflitra* tetezana.
Se bâtir, *vpr.* Aorina, atao, araflitra.
BÂTISSE, *sf.* Fanorenana, fandrafetam-bato, rafi-bato.
BATISTE, *sf.* Lamba rongonim-bazaha madinika.
BÂTON, *sm.* Tehina, langilangy, kibay, taho. — pastoral. *Tehin'* ny eveka. Gros —. *Langilangy, kibay.* —de bannière. *Tahon*-tsaina. 2°—, Zavatra lavalava.— de cire. Loko *lavalava* fanombohan-kase. 3° *fig.* Il sera mon— de vieillesse. Izy no hiankinako amy ny fahanterako. Travailler à bâtons rompus. Miatoato, manao tsidi-pahitra amy ny raharaha. Mettre des bâtons dans la roue. Manampontsampona.
BÂTONNER, *va.* Mikapoka amy ny tehina.
BÂTONNIER, *sm.* Lehiben'ny mpisolo vava.
BATTAGE, *sm.* Fivelezam-bary, vely vary.
BATTANT, *sm.* 1° Kiborin-dakolosy. 2° —, Ila varavarana. || *loc.* Porte à deux battants. Varavarana kopa-droa.
BATTANT, ANTE, *adj.* Mivatravatra, mively, velona. Pluie battante. Orana *mivatravatra.* Les soldats sortirent tambour—. *Velona* ny langorony tamy ny nivoahan'ny miaramila. 2° *fig.* Il les mène tambour—. Mafy ny itondrany azy ireo.
BATTE, *sf.* Fitotoan-tany.
BATTEMENT, *sm.* Fitehaka, fikopaka, fitepotepo.— de mains. *Fitehaka.*—d'ailes. *Fikopakopaky* ny elatra.—de cœur. *Fitepotepon'* ny fo.
BATTERIE, *sf.* Baterý, tafondro maro voaomana hiadiana. Dresser une—. Manao *baterý, manomana tafondro maro hiadiana.* — électrique *Baterý.* || *loc.* — de cuisine. Fanaka fandrahoana. Dresser ses batteries. Manao izay hahavitana raharaha.
BATTEUR, *sm.* Mpamely, mpively, mpively vary.
BATTOIR, *sm.* Fikapohan-damba sasána.
BATTRE, *va.* 1° Mikapoka, mamely, manisy, mamono, mively, manóntona, mitavoka. —un chien. *Mikapoka, mamono* alika. —quelqu'un à coups de poing. *Mamely, manisy* totohondry olona.— le riz. *Mively* vary.—le tambour. *Mively* langorony.—les œufs. *Mikapoka* atody. —le linge avec un battoir. *Mikapoka* lamba amy ny hazo fanasana. —le linge en le frappant contre une pierre. *Manontona* lamba.—une natte pour l'épousseter. *Mikapoka, mitavoka* tsihy. 2°—, Mipasoka, mitety, manonta.—les cartes. *Mipasoka* karatra. — la plaine. *Mitety* ny tany lemaka. —monnaie. *Manonta* vola. || *loc.* —le pavé. Miriorio. —la mesure. Manao, mitana ban-kira. 3° *fig.* Mandresy, mahafaty. Nous avons battu nos ennemis. *Resintsika* ny fahava-

lontsika. Il me bat toujours au domino. *Matiny* domy mandrakariva aho. || *loc.* —la campagne. Miredireḍy. —le fer quand il est chaud. Mampandroso ny raharaha diény mbola mafana.

—, *vn.* Mitehaka, mikopakopaka, mitepotepo, mively, velona. —des mains. *Mitehaka.* — des ailes. *Mikopakopaka* elatra. Le cœur bat. *Mitepotepo* ny fo. —du tambour. *Mively* langorony. Le tambour bat. *Velona* ny langorony. || *loc.* —de l'aile ou d'une aile. Tapaka elatra ankilo, mikorefarefa.

Se battre, *vpr.* Mifampikapoka, mifamely, miady. Se — à coups de pied. *Mifamely* diamanga. Il se bat bien. *Miady* amin-kerim-pó izy.

BATTU, UE, *p.* et *adj.* 1° Voakapoka, nokapohina, voavely, novelesina, nasiana, voavono, novonoina, voatontona, natontona, voatavoka, notavohana. 2° —, Voapasoka, nopasohina, voatety, notetezina, iantontana, ianjerana, masaka, velona. Rocher — par les flots. Vato *iantontana, ianjeran'* ny onja. Chemin —. Lála-*masaka, velona.* 3° *fig.* Resy, noresena, maty.

BATTUE, *sf.* Fikatsakatsahana biby any anaty ala.

BAUDET, *sm.* 1° Ampondra, boriky. 2° *fig.* Dondrina, donendrina, tonendrina, donána velona, taraiky, donto saina.

BAUDRIER, *sm.* Samboadin-tsabatra.

BAUME, *sm.* 1° Ditin-kazo manitra. 2° *fig.* Fanalana alahelo.

BAVARD, ARDE, *adj.* et *s.* Basivava, maro vava, mpitaria, tsaontsaom-bava.

BAVARDAGE, *sm.* Habasiam-bava, fitaria, tsaontsaom-bava, fitsaontsaom-bava.

BAVARDER, *vn.* Mitaria, mitsaontsaom-bava.

BAVE, *sf.* Ivy, vorim-bava.

BAVER, *vn.* Raraka ivy, mandoa vory.

BAVETTE, *sf.* Tantin' ivy.

BAVEUX, EUSE, *adj.* Raraka ivy.

BAYER, *vn.* 1° Misanasana vava, mitanatana vava. 2° *fig.* —aux corneilles. Mitanánaka, misanáka, mivanáka, mitanáka.

BAZARD, *sm.* Tsena.

BÉANT, ANTE, *adj.* Misanasana, mitanatana. Le lion vint à lui la gueule béante. *Nisanasana, nitanatana* vava nanatona azy ny liona. Gouffre—. Tevana *mitanatana.*

BÉATIFICATION, *sf.* Fananganana ho sambatra any an-danitra.

BÉATIFIER, *va.* 1° Manangana ho sambatra any an-danitra. 2° *fig.* Mahasambatra.

BÉATIFIQUE, *adj.* Mahasambatra any an-danitra. Vision—. Fahitana an' Andriamanitra izay *mahasambatra any an-danitra..*

BÉATITUDE, *sf.* Fahasambarana, fahafinaretana.

BEAU ou **BEL, BELLE,** *adj.* 1° Tsara tarehy, —bika, —endrika, bikána. Belle femme. Vehivavy *tsara tarehy,* etc. 2°—, Mahafinaritra, tsara, madio, soa, kanto, be.—jardin. Tanimboly *mahafinaritra.* Le temps est—. *Tsara* ny andro. —ciel. Lanitra *madio.* —discours. Laha-teny *mahafinaritra, tsara, soa, kanto.* Une belle fortune. Harem-*be.* || *loc.* Il á fait un—mariage. Nambinina tamy ny fanambadiana izy. Avoir—. Na dia.... aza. On a—cacher ses fautes, la conscience les reproche toujours. *Na dia* afenina *aza* ny hadisoana, ny fieritreretana maniny mandrakariva.

—, *sm.* Ny tsara tarehy, ny mahafinaritra, ny soa.

Bel et bien, *loc. adv.* Mihitsy, tokoa. Il le fit—. Nanao izany *mihitsy,* etc., izy.

De plus belle, *loc. adv.* Mahery manao indray. Il se mit à boire—. *Nahery* nisotro *indray* izy.

En beau, *loc. adv.* Ho tsara. Voir tout en—. Manao ny zavatra rehetra *ho tsara.*

Tout beau, *loc. adv.* Moramora. Tout—, ne vous fâchez pas. *Moramora,* fa aza tezitra hianao.

BEAUCOUP, *adv.* 1° Be dia be, be, betsaka, maro, sesehena, mahery, fatratra, mafy. Il a recolté—de riz. Nahavokatra vary *be dia be, betsaka, sesehena* izy.—de gens pensent ainsi. *Be, betsaka, maro, sesehena* ny olona mihevitra toy izany. Il donne—aux pauvres. Manome *be* ny mahantra izy. Il mange—. *Mahery* homana izy. Il s'applique—à l'étude. Milozoka *fatratrá, mafy* amy ný fianarana izy. 2°—, Lavitra. Ce chemin est—plus facile que l'autre. Ity lálana ity mora *lavitra* noho irý. 3° —, Zavatra lehibe. C'est—que de commencer. *Zavatra lehibe* ny manomboka.

BEAU-FILS, *sm.* 1° Zanakalahin' ny vady. 2° —, Vinantolahy.

BEAU-FRÈRE, *sm.* Zaodahy.

BEAU-PÈRE, *sm.* Raikely. 2° —, Rafozandahy.

BEAUPRÉ, *sm.* Salazana amy ny lohasambo.

BEAUTÉ, *sf.* 1° Hatsaran-tarehy, hatsaram-bika. 2° —, Hafinaritra, hatsara, hatsarana, hadio, hasoa, hakanto. — des fleurs. *Hafinaritra, hatsara, hasoa, hakanton'* ny voninkazo.

BEC, *sm.* 1° Vavam-borona. Le héron au — pointu. Ny vano tsoky *vava.* 2° —, Tendro, vava. — de plume. *Tendron*-dela penina. —de lampe. *Vava* fanaovanjiro. 3° *fig.* Vava, teny. Cet homme a bon — ou le — affilé. Marani-*bava* io lehilahy io. Donner un coup de — à quelqu'un. Manindrona olona amy ny *teny.* ‖ *loc.* Avoir — et ongles. Mahay miaro tena. Tenir quelqu'un le — dans l'eau. Mampanantena tsy misy, mampiflafila, mampitambitamby. Blanc —. Tanora fanahy. — de lièvre. Sima; hasimana. — d'âne. Bedána.

BÉCASSINE, *sf.* Kitanotano.

BÊCHE, *sf.* Angady, fangady. Vieille —. *Angady,* etc., mondro.

BÊCHER, *va.* Miasa, mihevo, mitrandraka. Voy. PIOCHER.

BECQUÉE, *sf.* Kamahana. Donner la —. *Mamahana.*

BECQUETER, *va.* Manaingoka, mitsaingoka, mitsindroka. — des fruits. *Manaingoka, mitsaingoka* voankazo. —des grains de riz. *Mitsindroka* vary.

Se becqueter, *vpr.* Mifanaingoka, mifampitsaingoka.

BEDAINE, *sf.* Kibo be.

BÉGAIEMENT, *sm.* Fibadabadána, fiambatrambarana.

BÉGAYER, *vn.* 1° Mibadabada, miambatrambatra. 2° *fig.* Miakaká, miakanakana, miambakambaka. Voy. BALBUTIER.

—, *va.* Miana-miteny.

BÈGUE, *adj.* et *s.* Bada lela, mpibadabada, mpiambatrambatra.

BEL, BELLE, Voy. BEAU.

BÊLANT, ANTE, *adj.* Mibarareoka.

BÊLEMENT, *sm.* Fibarareoka.

BÊLER, *vn.* Mibarareoka.

BELETTE, *sf.* Biby mitovitovy amy ny kionkiona.

BÉLIER, *sm.* Ondrilahy.

BELLE-DE-NUIT, *sf.* Folera, belakariva.

BELLE-FILLE, *sf.* 1° Zanakavavin' ny vady. 2°—, Vinantovavy.

BELLE-MÈRE, *sf.* 1° Rafozambavy. 2°—, Renikely.

BELLE-SŒUR, *sf.* Zaobavy.

BELLIGÉRANT, ANTE, *adj.* Miady, mifanafika. Puissances belligérantes. Fanjakana *miady, mifanafika.*

BELLIQUEUX, EUSE, *adj.* Mpiady, tia ady, mahery an' ady. Prince—. Mpanjaka *mpiady,* etc.

BELLOT, OTTE, *adj.* Mahafatifaty. Enfant—. Zaza *mahafatifaty.*

BELVÉDÈRE, *sm.* Tilikambo, trano heva fitazantazanana.

BÉNÉDICTION, *sf.* 1° Tso-drano, fitsofan-drano. Donnez-moi votre —. Omeo *tso-drano, tsofy rano* aho. 2°—, Fitahiana, fanambinana. Je répandrai sur vous mes bénédictions. Harotsako aminareo ny *fitahiako,* ny *fanambinako.*

BÉNÉFICE, *sf.* Tombo, tombom-barotra, zavatra mahasoa. J'ai fait un— d'une piastre. Nahazo *tombony, tombombarotra* ariary aho. Tout a tourné à son —. *Nahasoa* azy ny zavatra rehetra.

BÉNÉFICIER, *vn.* Mahazo tombo.

BENÊT, *adj.* et *sm.* Tonendrina, ketrina, zanakalo.

BÉNÉVOLE, *adj.* Tsy terena, manao an-tsitra-pó. Auditeur—. Mpihaino tonga *tsy terena.*

BÉNÉVOLEMENT, *adv.* An-tsitrapó. Il a fait cela —. Nanao izany *antsitra-pó* izy.

BÉNI, IE, *p.* 1° Voatso-drano, notsofindrano. 2°—, Voatahy, notahina, nambinina, nohasoavina. 3°—, Nisaorana.

BÉNIGNEMENT, *adv.* Amin-kalemem-panahy.

BÉNIN, IGNE, *adj.* 1° Malemy fanahy, moraina, morabe. Il n'est pas d'homme plus— que lui. Tsy misy olona *malemy fanahy,* etc., tahaka azy. 2° —, Rainazy. Maître —. Tompo *rainazy.* 3° —, Malefaka. Fièvre bénigne. Tazo *malefaka.*

BÉNIR, *va.* 1° Mitso-drano. —une église, un enfant. *Mitso-drano* trano fivavahana, zaza kely. 2° —, Mitahy, manambina, manasoa. Que Dieu vous bénisse. *Holahina, hambinina, hohasoavin'* Andriamanitra anie hianao. 3°—, Misaotra. Bénissons Dieu du bien qu'il nous a

fait. *Isaorintsika* Andriamanitra amy ny zava-tsoa nataony tamintsika.

BÉNIT, ITE, *p.* et *adj.* Voavavaka, voahasina, voatso-drano, notsofin-drano. Eau bénite. Rano *voavavaka, voahasina*. Pain—. Mofo *voatso-drano*.

BÉNITIER, *sm.* Fitoeran-drano voahasina.

BÉQUILLE, *sf.* Tehin' ny mandringa misy tohan-kelika.

BERCAIL, *sm.* Valan' ondry.

BERCEAU, *sm.* 1° Fandrian-jaza. ‖ *loc.* Enfant au—. Zaza rano. Dès le—. Hatry ny fony kely. 2°—, Alokaloka. —de lianes. *Alokalo*-baby. 3° — *fig.* Fiandohana. Cette contrée fut le—de la civilisation. Izany tany izany no *niandohan'* ny sivilizasiona.

BERCER, *va.* 1° Mandrotsirotsy zaza ao anaty fandriany. 2° *fig.* Mampanantena tsy misy.

Se bercer, *vpr.* Manantena tsy misy.

BERCEUSE, *sf.* Mpandrotsirotsy zaza ao anaty fandriany.

BERGER, ÈRE, *s.* Mpiandry ondry.

BERGERIE, *sf.* Valan' ondry.

BERLUE, *sf.* Fanjambena, firendrirendry, fandrendrirendry. Il a la—. *Manjambena, mirendrirendry, mandrendrirendry* ny masony; *fig.* diso hevitra izy.

BERNER, *va.* Mananihany, manesoeso.

BESACE, *sf.* Kitapon' ny mpangataka.

BESICLES, *sf. pl.* Solomaso.

BESOGNE, *sf.* Raharaha, lahasa, asa. Il va vite en—. Haingam-panao *raharaha, lahasa,* haingam-*piasa* izy. ‖ *loc.* Il fait plus de bruit que de—. Lasan-ko vavany izy.

BESOIN, *sm.* 1° Izay ilaina, izay tokony hatao, izay tsy maintsy hatao, te....Je pourvois à ses besoins. Omeko azy *izay ilainy.* Il a—de repos. *Tokony* hiala sasatra izy. J'ai—d'aller au marché. *Tsy maintsy* hiantsena aho. J'ai—de dormir. *Te*-hatory aho, 2°—. Fahantrana. Il est dans le—. *Mahantra* izy. 3°—, *pl.* Fivalanana.

Au besoin, *loc. adv.* Raha ilaina. Vous pouvez m'appeler au—. Mahazo miantso ahy hianao *raha ilainao.*

BESTIAL, ALE, *adj.* Hoatry ny biby.

BESTIALEMENT, *adv.* Hoatry ny biby.

BESTIAUX, *sm. pl.* Comme Bétail.

BESTIOLE, *sf.* Biby kely. 2° *fig.* Zaza kely fohy saina.

BÊTA, *sm.* Olona tsy manan-tsaina,—donto saina.

BÉTAIL, *sm.* Biby manompo iray dia.

BÊTE, *sf.* Biby. — sauvage. *Biby* dia. — féroce. *Biby* masiaka.

—, *sf.* et *adj.* Adala, donto saina, donána velona, taraiky, tonendrina.

BÊTEMENT, *adv.* An-kadalána.

BÊTISE, *sf.* Hadalana, badontoan-tsaina, fitaraiky.

BETTERAVE, *sf.* Betiravy.

BEUGLEMENT, *sm.* Fimá, fitrena.

BEUGLER, *vn.* 1° Mimá, mitrena. 2° *fig.* Midradradradra.

BEURRE, *sm.* Hero-dronono, dibera.

BEURRER, *va.* Manisy dibera.

BÉVUE, *sf.* Hadisoan-kevitra tsy nahy.

BIAIS, *sm.* 1° Fisompirana, fibirioka, fisolila, fisobilatra. Ce mur est de—. *Misompirana, mibirioka* io ampiantany io. Coupez la planche en—. Didio *misompirana, misolila, misobilatra* ny hazo fisaka. 2° *fig.* Fiolakolaka. Vous n'obtiendrez rien si vous ne prenez pas un—. Tsy hahazo na inona na inona hianao raha tsy *miolakolaka.*

BIAISER, *vn.* 1° Misompirana, mibirioka, misolila, misobilatra. 2° *fig.* Miolakolaka.

BIBASSE, *sf.* Bibasy.

BIBASSIER, *sm.* Foto-bibasy, bibasy.

BIBERON, *sm.* Fampinonoana.

BIBLE, *sf.* Baiboly, Soratra Masina.

BIBLIOMANE, *sm.* Mpitia boky loatra.

BIBLIOPHILE, *sm.* Olona tia boky.

BIBLIOTHÉCAIRE, *sm.* Mpitandrina ny trano fanangonam-boky.

BIBLIOTHÈQUE, *sf.* 1° Trano fanangonam-boky. 2°—, Fitoeram-boky. 3°—, Boky voangona.

BIBLIQUE, *adj.* Momba ny Soratra Masina.

BICHE, *sf.* Serfavavy.

BICOQUE, *sf.* Trano bongo.

BIDET, *sm.* Soavaly madinika.

BIDON, *sm.* Gamela lalina aty.

BIEN, *sm.* 1° Soa, izay mahasoa, ny tsara. Les biens et les maux se compensent. Mifameno ny *soa* sy ny ratsy. Faire du — à quelqu'un. Manao *soa* olona. La pluie fait

du — aux plantations. Ny ranonorana *mahasoa* ny voly. La science du — et du mal. Ny fahalalana ny *tsara* sy ny ratsy. On m'a dit de lui beaucoup de —. Nataon'ny olona *tsara* lazaina tamiko izy. 2° —, Fananana, harena. Ses biens s'accroissent tous les jours. Mitombo isan'andro ny *fananany*, ny *hareny*. Les biens terrestres passent, les biens du ciel durent toujours. Mandalo ny *haren'* ny tany, maharitra mandrakizay ny *haren'* ny lanitra.

Bien, *adv.* 1° Tsara, soa aman-tsara. Le malade est assez —. Efa *tsaratsara*, efa mananonanona hiany ny marary. Il s'est — acquitté de sa mission. Tanterany *tsara, soa aman-tsara* ny raharaha nanirahana azy. 2° —, Lavitra, dia..., mahery, hiany, be dia be, betsaka, maro. Il est— différent de son frère. Hafa *lavitra* noho ny rahalahiny izy. Il est— malade. Marary *dia* marary izy. Il mange—. *Mahery* homana izy. Je le veux—. Tiako *hiany* izany. — des gens se trompent. *Be dia be, betsaka, maro* ny olona diso hevitra. 3° —, Sahabo, tokony. Il y a — deux ans que je ne l'ai vu. *Sahabo*, etc., ho roa taona no tsy nahitako azy.

Bien que, *loc. conj.* Na dia... aza. Je dois vous dire la vérité — qu'elle vous soit désagréable. Tsy maintsy milaza ny marina aminao aho *na dia* mahasosotra anao *aza*.

BIEN-AIMÉ, ÉE, *adj.* et *s.* Malala, tiana indrindra, tsy foy.

BIEN-ÊTRE, *sm.* Fiadanana, hasalamana. Il jouit du—. *Miadana* izy. Sentir du —. *Miadan*-tsaina, *salama*.

BIENFAISANCE, *sf.* Hazavam-pó, hatsaram-pó, fanaovan-tsoa.

BIENFAISANT, ANTE, *adj*. Mazava fo, tsara fo, manao soa. 2° —, Mahasoa, mahatsara. Pluie bienfaisante. Ranonorana *mahasoa*, etc.

BIENFAIT, *sm.* Soa, zava-tsoa. Les bienfaits de Dieu. Ny *soa*, etc., avy amin' Andriamanitra.

BIENFAITEUR, TRICE, *s.* Mpanao soa.

BIEN-FONDS, *sm.* Tany na trano izay ananana.

BIENHEUREUX, EUSE, *adj.* 1° Sambatra dia sambatra. 2° —, Sambatra any an-danitra.

BIENNAL, ALE, *adj.* Maharitra roa taona. Emploi—. Raharaha *maharitra roa taona*.

BIENSÉANCE, *sf.* Ny mety, fomba tsara, fanao tsara, fahaizana miaina. Observer les bienséances. Manao araka *ny mety, fomba tsara, fanao tsara, mahay miaina*. Cela est contre la—. Tsy araka *ny mety*, ny *fomba tsara*, ny *fanao tsara* izany.

BIENSÉANT, ANTE, *adj*. Mety.

BIENTÔT, *adv.* Raha afaka kelikely, vetivety, haingankaingana, atohoato. Je reviendrai—. Hiverina *raha afaka kelikely*, etc., aho.

BIENVEILLANCE, *sf.* Fitiavana. Il m'a reçu avec—. Nandray ahy tamim*pitiavana* izy.

BIENVEILLANT, ANTE, *adj.* Mampiseho fitiavana.

BIENVENU, UE, *adj.* et *s.* Mahay avy, tsara fihavy, raisina an-kafaliana. Vous êtes le—. *Mahay avy*, etc., hianao.

BIENVENUE, *sf.* Fahatongavana soa aman-tsara.

BIÈRE, *sf.* 1° Labiera. 2° —, Vata filevenana.

BIFFER, *va.* Mamono soratra.

BIFTECK, *sm.* Ilikena natono, tononkena, bifteka.

BIFURCATION, *sf.* Fisampanana.— d'un chemin. *Fisampanan*-dalana.

BIFURQUER (SE), *vpr.* Misampana.

BIGAME, *adj.* et *s.* Mpampirafy.

BIGAMIE, *sf.* Fampirafesana.

BIGARRÉ, ÉE, *adj.* Misoratsoratra hoatry ny bemiray.

BIGARRER, *va.* Manao sadasada be hiany.

BIGARRURE, *sf.* Fisoratsoratra hoatry ny bemiray.

BIGOT, OTE, *adj.* et *s.* Mpivavaka diso ohatra.

BIJOU, *sm.* 1° Firavaka, ravaka. 2° *fig.* Zaza kely tsara tarehy.

BIJOUTERIE, *sf.* Fivarotam-piravaka.

BIJOUTIER, IÈRE, *s.* Mpanao na mpivarotra firavaka.

BILAN, *sm.* Filazana ny miditra sy ny mivoaka amy ny varotra.

BILBOQUET, *sm.* Karazan-kilalaon' ankizy.

BILE, *sf.* 1° Ranon' afero. 2° *fig.* Hatezerana. Décharger sa—. Mampiseho ny *hatezerana*.

BILIEUX, EUSE, *adj.* et *s.* 1° Be ranon' afero. 2° *fig.* Saro-po.

BILLARD, *sm.* Karazam-pilokána.
BILLE, *sf.* Kanety.
BILLET, *sm.* Taratasy kely ampitondraina, taratasy kely, karatra.—d'entrée. *Taratasy, karatra* fidirana.— de banque. *Taratasy* vola.
BILLEVESÉE, *sf.* Zavatra tsinontsinona, hevi-dravina.
BILLION, *sm.* Arivo tapitrisa.
BILLON, *sm.* Farantsa kely varahina.
BILLOT, *sm.* Akalana, akala-manta.
BINER, *va.* Manao lamosa indroa indray andro.
BINOCLE, *sm.* Solomaso, masolavitra roa fijerena,
BIOGRAPHE, *sm.* Mpanoratra ny tantaran' olona.
BIOGRAPHIE, *sf.* Tantaran' olona.
BIPÈDE, *sm.* et *adj.* Roa tongotra.
BIS, ISE, *adj.* Manjamavo. Pain—. Mofo *manjamavo.*
BIS, *adv.* Indroa, fanindroany. Crier—. Mampanao *fanindroany* ; manao hoe : Avereno.
BISAIEUL, *sm.* Rain' ny raibe na ny renibe.
Bisaïeule, *sf.* Renin' ny raibe na ny renibe.
BISANNUEL, ELLE, *adj.* Maharitra roa taona.
BISBILLE, *sf.* Adiady, fandítra.
BISCORNU, UE, *adj.* Hafahafa. Idée biscornue. Hevitra *hafahafa.*
BISCOTIN, *sm.* Biskoitra madinika, mofon-jaza.
BISCUIT, *sm.* Biskoitra, mofo mafy.
BISE, *sf.* 1° Rivotra avy avaratra. 2° *fig.* Ririnina. Quand la — fut venue. Nony tonga ny *ririnina.*
BISEAU, *sm.* 1° Sisin-javatra solila. Etre en—. *Misolila.* 2°—, Fandra-dahy.
BISMUTH, *sm.* Bizimofo.
BISON, *sm.* Karazan' ombimanga.
BISQUER, *vn.* Sosotra, tezitra.
BISSEXTIL, ILE, *adj.* Manan-tombo andro iray. Année bissextile. Taona *manan-tombo andro iray.*
BISTOURI, *sm.* Antsy fandidian' ny dokotera.
BITUME, *sm.* Karazan-javatra mora mirehitra hoatry ny soli-tany.
BIVOUAC, *sm.* Toby tsy misy lay.
BIVOUAQUER, *vn.* Mitoby tsy misy lay.
BIZARRE, *adj.* Hafahafa, hafa fandry, manao hafahafa, mandry manokana noho ny be. Mode—. Lamody *hafahafa.* C'est un jeune homme—. Tovolahy *hafahafa,* etc., izy,
BIZARREMENT, *adv.* Hafahafa.
BIZARRERIE, *sf.* Hahafahafa, fanaovana fomba hafahafa.
BLAFARD, ARDE, *adj.* Hatsatra, matroka, vasoka, mitsilopilopy, milopilopy. Teint—. Tarehy *hatsatra, matroka, vasoka.* Lueur blafarde. Fahazavana *mitsilopilopy, milopilopy.*
BLAGUE, *sf.* 1° Kitapo kely fitoeramparaky. 2° *fig.* Habasiam-bava, hambohambo, lainga.
BLÂMABLE, *adj.* Mendrika hotsinína, — hadidína, manan-tsiny, manana adidy.
BLÂME, *sm.* Tsiny, faniniana, adidy, fanadidiana, fondro, soketa. Il ne mérite aucun—. Tsy mendrika *hotsinina, hadidina,* tsy manan-*tsiny* amam-*pondro,* tsy manana *adidy* izy. Il a encouru un — sévère de ses parents. Nahazo *tsiny* amam-*pondro* tamy ny ray amandreniny izy. — injuste. *Soketa.*
BLÂMER, *va.* Maníny, manadidy, manome tsiny, —adidy, —fondro, —soketa.
BLANC, ANCHE, *adj.* 1° Fotsy, mangatsakatsaka, botsatsaka, botsiaka, bobo. Ses vêtements étaient blancs comme la neige. *Fotsy, nangatsakatsaka* hoatry ny oram-panala ny fitafiany. Il a la peau très blanche. *Fotsy* dia fotsy, *mangatsakatsaka, botsatsaka,* fotsy *botsiaka,* fotsy *bobo* ny hodiny. Terre blanche. Tany *fotsy,* taniravo. 2°—, Madio, fotsy, tsy voasoratra. Linge—. Lamba *madio.* Papier—. Taratasy *fotsy, tsy voasorotra.* ‖ *loc.* Encre blanche. Ranomainty matsatso. Se battre à armes blanches. Miady amy ny zavamaranitra. Donner carte blanche à quelqu'un. Mamela olona hanaram-pó. Passer la nuit blanche. Tsy mahita tory, tsy tsongoin-tory.
BLANC, *sm.* 1° Ny fotsy. 2°—, Loko fotsy. 3°—, Olona fotsy hoditra, vazaha, 4°—, Tigetra. Tirer au—. Mikondry *tigetra.* ‖ — d'œuf. Tapotsin' atody. Le— de l'œil. Famotsia-maso, tapotsi-maso. — d'Espagne. Tsaoka malemy.
BLANCHÂTRE, *adj.* Somary fotsy.
BLANCHEUR, *sf.* Hafotsy.
BLANCHIMENT, *sm.* Famotsiana.

BLANCHIR, *va.* 1° Mamotsy, manosodoko fotsy. — du fil. *Mamotsy* foly. — une muraille. *Manoso-doko fotsy* rindrina. 2°—, Manadio, manasa. — le linge. *Manadio*, etc., lamba. 3° *fig.* Manala tsiny. L'avocat a su le —. Ny mpisolo vava *nanala tsiny* azy.

—, *vn.* Mihafotsy, mihabobo, mihafotsy volo. Il blanchit. *Mihafotsy, mihabobo* ny *volony, mihafotsy volo* izy.

Se blanchir, *vpr.* Miala tsiny, midio.

BLANCHISSAGE, *sm.* Fanasana lamba.

BLANCHISSANT, ANTE, *adj.* Mangia-potsy. Les flots blanchissants. Ny onja *mangia-potsy.*

BLANCHISSEUR, EUSE, *s.* Mpanasa lamba.

BLANC-SEING, *sm.* Taratasy vita sonia fotsiny ka apetraka amy ny olona mahatoky.

BLASÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Maty hena, donto, tsy mahare intsony. Il a le palais —. *Maty hena*, etc., ny vavany. 2° *fig.* Tsy mihontsina, tsy mampaninona. Il est — sur tout. *Tsy mihontsina* na amin' inona na amin' inona izy, *tsy mampaninona* azy na inona na inona. Voy. INSENSIBLE.

BLASER, *va.* Manadonto.

Se blaser, *vpr.* 1° Mihadonto. 2° *fig.* Tsy mihontsina, tsy mampaninona.

BLASPHÉMATEUR, TRICE, *s.* Mpiteny ratsy an' Andriamanitra sy ny fivavahana.

BLASPHÈME, *sm.* Teny manevateva an' Andriamanitra sy ny fivavahana.

BLASPHÉMER, *va.* et *vn.* Miteny ratsy an' Andriamanitra sy ny fivavahana.

BLÉ, *sm.* Varim-bazaha.

BLÊME, *adj.* Hatsatra, mivolom-balala maty, mivaloarika, matroka. Voy. PÂLE.

BLÊMIR, *vn.* Mihahatsatra, mivolom-balala maty, mivaloarika, mihamatroka.

BLESSANT, ANTE, *adj.* Maharary, mampalahelo, mahatezitra. Paroles blessantes. Teny *maharary*, etc.

BLESSÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Voaratra, naratra, voakaikitra, nokekerina. 2° *fig.* Malahelo, tezitra, sosotra, marary ovana.

—, *sm.* Naratra.

BLESSER, *va.* 1° Mandratra, manaikitra. —quelqu'un. *Mandratra* olona. Ces souliers me blessent. *Manaikitra* ahy ireo kiraro ireo. 2° *fig.* Mankararirary, manao teny maharary, —mampalahelo, —mahatezitra, —mahasosotra. Il a blessé son ami par ses plaisanteries. *Nankararirary, nanao teny maharary*, etc., ny sakaizany tamy ny kivazivazy izy. 3°—, Mampangintsina, mifanohitra, manala. Ces mots inconvenants blessent l'oreille. *Mampangintsina* ny sofina ireny teny maloto ireny. Il a blesse les convenances. Nanao zavatra *mifanohitra* amy ny fomba mety izy. Ce que vous dites blesse son honneur. Izay lazainao *manala* voninahitra azy.

Se blesser, *vpr.* 1° Mandra-tena, mifandratra. 2° *fig.* Malahelo, tezitra, sosotra, marary ovana.

BLESSURE, *sf.* 1° Ratra, fery vao. 2° *fig.* Alahelo, hatezerana, hasosorana.

BLEU, EUE, *adj.* Manga.

—, *sm.* 1° Ny manga. 2°—, Loko manga, volory. Passer du linge au—. Manoka lamba amy ny ranom-*bolory*, manisy *volory* ny lamba.

BLEUÂTRE, *adj.* Somary manga.

BLEUIR, *va.* Manamanga.

—, *vn.* Mihamanga.

BLINDAGE, *sm.* Famonosam-bý.

BLINDÉ, ÉE, *adj.* Mifono vy. Navire —. Sambo *mifono vý.*

BLINDER, *va.* Mamono vy.

BLOC, *sm.* 1° Vongana, vainga, fonja, zavatra makadiry. —de fer. *Vongam*-bý, *vaingam*-bý, *fonjam*-bý. —de pierre. Vato *makadiry.* 2°—, Zavatra mivongady. Acheter un—de marchandises. Mividy varotra *mivongady.*

En bloc, *loc. adv.* Am-bongadiny. Acheter en—. Mividy *am-bongadiny, mamongady.* Vendre en—. Mivarotra *am-bongadiny.*

BLOCUS, *sm.* Fahirano.

BLOND, ONDE, *adj.* Mavomena. Cheveux—. Volon-doha *mavomena.*

BLOQUER, *va.* Manao fahirano.

BLOTTIR (SE), *vpr.* Mamokaiky, mivokaiky, miforitra, mitampisaka.

BLOUSE, *sf.* Bolozy.

BLOUSER, *va.* Mamitaka, mahadiso hevitra.

Se blouser, *vpr.* Diso hevitra.

BLUET, *sm.* Karazam-boninkazo manga.

BLUETTE, *sf.* 1° Pik'afo. 2° *fig.* Karajia, kivazivazy.

BOA, *sm.* Bibilava lehibe indrindra, dó.

BOBÈCHE, *sf.* Sofim-panaovan-jiro.

BOBINE, *sf.* Tolotra.

BOBINER, *va.* Manantsody.

BOCAGE, *sm.* Kirihitr' ala, ala kely, fitoerana malomaloka.

BOCAL, *sm.* Tamaboha be vava.

BŒUF, *sm.* 1° Omby. —sauvage. *Omby* manga. —coupé. *Omby* vositra. —gras. *Omby* mifahy. Jeune—. Vantotr' *omby.* 2°—, Hen' omby, hena.

BOIRE, *va.* 1° Misotro. 2°—, Mibololoka, migoka. Cet homme boit bien. Mahery *miboboka, migoka* io lehilahy io. Qui a bu boira. Izay *niboboka* mbola *higoka.* 3°—, Mifoka. Ce papier boit. *Mifoka* ity taratasy ity. 4° *fig.* Miaritra. —un affront. *Miaritra* fanesoana.

BOIRE, *sm.* Fisotro. Le — et le manger. Ny *fisotro* sy ny fihinana.

BOIS, *sm.* 1° Hazo, kitay hazo. —de construction. *Hazo* fanaovan-trano. —de chauffage. *Kitay hazo.* Mettre du — au feu. Manohoka *kitay hazo.* —de fer. *Hazomby.* — rouge. *Hazomena.* ‖ —, noir. Bonoara. —de rose. Volombodimpona. 2°—, Ala, ala kely, kirihitr' ala. Ce—est infesté de voleurs. Be tontakely io *ala* io. Il se promène dans le—. Mitsangantsangana any anaty *ala,* etc., izy. —sacré. *Ala* fady. 3°—, Zarana, harana, tandroka mirantsandrantsana.— d'une lance. *Zarana, haran*-defona. Le—d'un cerf. Ny *tandro*-tserfa *mirantsandrantsana.*

BOISÉ, ÉE, *adj.* Be hazo, misy ala,—ala kely,—kirihitr' ala.

BOISEMENT, *sm.* Fambolena ala.

BOISER, *va.* 1° Mamboly ala. —un pays. *Mamboly ala* amy ny tany anankiray. 2°—, Manao peta-drindrina. —un appartement. Manisy *peta-drindrina* ny efitrano.

BOISERIE, *sf.* Peta-drindrina.

BOISSEAU, *sm.* 1° Vata famaram-bary taloha. 2° *fig.* Mettre la lumière sous le—. Manafina ny marina.

BOISSON, *sf.* Fisotro.

BOÎTE, *sf.* 1° Vata kely.— aux lettres. *Vata kely* fasian-taratasy ampitondraina. 2°—, Iray vata kely. J'ai acheté une —de dragées. Nividy darazay *iray vata kely* aho.

BOITER, *vn.* Mandringa, mikotringa, mikotrifa, mikolepaka, mitolitsika, mitolila. Cet homme, ce cheval, ce bœuf boite. *Mandringa,* etc., io olona, soavaly, omby io. Cette poule boite. *Mandringa, mikolepaka* io akoho io.

BOITEUX, EUSE, *adj.* et *s.* Mandringa, mpandringa, mikotringa, mikotrifa, mikolopaka, mitolitsika, mitolila. Votre table est boiteuse. *Mitolilalila* ny latabatrao.

BOL, *sm.* Lovia tsangana, tsatokaty, tsatóka, tsangam-bavá. 2°—, Eran' ny tsangam-bava. Porte-moi un — de lait. Itondray ronono *eran' ny tsangam-bava* aho.

BOMBANCE, *sf.* Fihinanam-be, hanimpito loha. Faire—. Manao *fihinanam-be,* etc.

BOMBARDEMENT, *sm.* Fitifirana amy ny bomba.

BOMBARDER, *va.* Mitifitra amy ny bomba.

BOMBE, *sf.* Bomba.

BOMBÉ, ÉE, *adj.* Mibokitra, mibohitra, mivohitra, mivohon-tsotro.

BOMBER, *va.* Mampibokitra, mampibohitra, mampivohitra, mampivohon-tsotro.

—, *vn.* Mibokitra, mibohitra, mivohitra, mivohon-tsotro. La boiserie bombe. *Mibokitra,* etc., ny peta-drindrina.

BOMBYX, *sm.* Bibin-dandy, landy.

BON, BONNE, *adj.* 1° Tsara, soa. C'est un—pays. Tany *tsara* ity. Il a fait une bonne action. *Tsara* ny nataony, nanao asa *soa* izy. Du vin—à boire. Divay *tsara* fisotro. Le vent est—. *Tsara* ny rivotra. Il m'a donné un—conseil. *Tsara, soa* ny hevitra nomeny ahy. 2°—, Mahomby, mahay, mahatoky, tsara fanahy. C'est un garçon—à tout. *Mahomby* amy ny zavatra rehetra io zazalahy io. C'est un—avocat. Mpisolo vava *mahay* izy. C'est un—serviteur. Mpanompo *mahatoky, tsara fanahy* izy. C'est un si—homme ! *Tsara fanahy* loatra izy ! 3°—, Mazava fo, tsara fo, mpamindra fo, malemy fanahy. Dieu est—. *Mazava fo, tsara fo, mpamindra fo* Andriamanitra. Vous êtes trop—. *Malemy fanahy* loatra hianao. 4°—, Lehibe, mafy. Il a fait un—revenu. *Be* ny tombom-barotra azony. Un—soufflet. Tahamaina *mafy.* ‖ *loc.* Un—mot. Hatsikana. Suivre son—plaisir. Manaraka ny sitra-pony, manao ny danin' ny kibony. Bonne nuit. Tafandria mandry, veloma mifoha.

BON, *sm.* 1° Ny tsara. Il a préféré le— au beau. Naleony ny tena *tsara* toy izay ny madera. Cet homme a du—et du mauvais. Sady misy *tsara* no misyratsy io lehilahy io. 2°—, Ny mahasoa, ny mahagaga. Le—de cette affaire. Ny *mahasoa,*

etc., amin' izany rahararaha izany. 3°—, Taratasy fakán-javatra. Un—de pain. *Taratasy fakána* mofo. 4°—, *pl.* Ny tsara fanahy. Les méchants persécutent les bons. Ny ratsy fanahy manenjika *ny tsara fanahy.*

BON, *adv.* Tsara. Cette fleur sent—. *Tsara* fofona ity voninkazo ity. Il fait—ici. *Tsara* eto.

— ! *int.* Tsara !

Tout de bon, *loc. adv.* Tokoa, idin-drononono. Est-ce tout de—ou pour plaisanter ? *Tokoa* moa izany sa kivazivazy ? Eso sa *idin-dronono?*

BONASSE, *adj.* Mpiasabe, olom-be, bonaika.

BONBON, *sm.* Zava-mamy natao tamy ny siramamy.

BONBONNIÈRE, *sf.* Vata fasian-javamamy.

BOND, *sm.* Fitsambikinana, fiantsambotra, fifalihavanja, fievotra, fisavoana. Prendre la balle au—. Misambotra baolina *miantsambotra, mievotra, misavoana ; fig.* manararaotra. Faire faux —. Mivily *fiantsambotra ; fig.* mandiso fotoana.

BONDE, *sf.* 1° Vavahadin-drano. 2° —, Loaka amy ny barika. 3°—, Tsentsimbarika.

BONDÉ, ÉE, *adj.* Feno hika, —hiboka. Un navire— de marchandises. Sambo *feno hika,* etc., ny entam-barotra.

BONDER, *va.* Mameno hika, — hiboka.

BONDIR, *vn.* 1° Mitsambikina, miantsambotra. mifalihavanja, mievotra, misavoana. Voyez ces agneaux — dans la plaine. Jereo ireo zanak' ondry *mitsambikimbikina, miantsambotsambotra, mifalihavanja* amy ny tany lemaka ireo. Un cheval qui bondit. Soavaly *mitsambikina, miantsambotra.* 2° *fig.* Faire — le cœur. Maharikoriko, mahadikidiky.

BONDISSANT, ANTE, *adj.* Mitsambikimbikina, miantsambotsambotra, falihavanja, mievotrevotra, misavoamboana.

BONDISSEMENT, *sm.* Fitsambikinana, fiantsamborana.

BONHEUR, *sm.* 1° Hasambarana, fahasambarana, hafinaretana, fahafinaretana. Véritable —. *Hasambarana,* etc., marina. 2° —, Zara, fanambinana, vintana tsara. Il a du — dans tout ce qu'il fait. *Manan-jara, ambinina, vintanina, manam-bintana* amin' izay ataony rehetra izy.

Par bonheur, *loc. adv.* Zara, saikinány, soa hiany. Par — je vous rencontre. *Zara,* etc., fa mifanena aminao aho.

BONHOMIE, *sf.* Hatsaram-pó, hatsoram-pó.

BONHOMME, *sm.* Olona tsotra, olombe, mpiasabe, mpiasaben' andriana.

BONI, *sm.* Tombom-barotra.

BONIFIER, *va.* Manatsara. Le fumier bonifie la terre. Ny zezika *manatsara* ny tany.

Se bonifier, *vpr.* Mihatsara. Le vin se bonifie en vieillissant. *Mihatsara* ny divay raha mihantitra.

BONJOUR, *sm.* 1° Fomba fiarahabambazaha maraina, bezoro. 2°—, Veloma. Votre ami vous envoie un—. Mampanao *veloma* anao isakaizanao. —affectueux. *Veloma* madinidinika.

BONNE, *sf.* Vehivavy mpitaiza.

BONNE AVENTURE, *sf.* Tovantovana, vinany be, anoano. Dire la—. *Manovantovana,* manao *vinany be,* milaza *anoano.*

BONNEMENT, *adv.* Am-pahatsorana.

BONNET, *sm.* Satro-bory, satroka ba.

BONSOIR, *sm.* Fomba fiarahabam-bazaha hariva ; veloma.

BONTÉ, *sf.* 1° Hatsarana. 2°—, Hazavam-pó, hatsaram-pó, famindram-pó, halemem-panahy.

BORBORYGME, *sm.* Koraraika, goraraika.

BORD, *sm.* 1° Sisina, morona, molotra, vava. Il est assis au — du chemin. Mipetraka eo an-*tsisin*-dalana, *amoron*-dalana izy. N'allez pas au — de l'eau. Aza manakaiky ny *moron*-drano, aza *manamorona* ny rano. Il est sur le — du précipice. *Amoron*-tevana izy. Le — d'un bol. Ny *molotra,* ny *vavan*-tsangambava. 2° —, Andanin-tsambo, anilantsambo. Faites feu des deux bords. Alefaso ny tafondro *andaniny, anilany* roan' ny *sambo.* 3°—, Sambo. Il est à —. Any an-*tsambo* izy. Aller à—. Miondrana an-*tsambo.* 4° *fig.* Etre du — de quelqu'un. Miandany amy ny olona.

BORDÉ, ÉE, *p.* et *adj.* Nasiana zavatra amy ny sisiny, misy—, nosisinina, voarongo, norongoana, voakotso, noakotsoana. Chemin—d'arbres. Lálana *nasiana, misy* hazo *ny sisiny, nosisinina* hazo.

BORDÉE, *sf.* 1° Fanaovana indray mandefa ny tafondro rehetra amy ny ila sambo. 2° *fig.* Il lui lança une—d'injures.

Nandefa vava mihoatroatra loatra taminy izy.

BORDER, *va.* 1° Manisy sisina, —molotra, mandrongo, manakotso. —un chapeau. *Manisy sisina, —molotra* satroka. —un *lamba* de perles. *Mandrongo* vakana lamba. —un *lamba* de plusieurs raies. *Manakotso* lamba. 2°—, Manolotra. Le fossé borde le jardin. Ny hady *manolotra* ny zariday.

BORDEREAU, *sm.* Filazana ny andinidini-bola.

BORDURE, *sf.* Zavatra amy ny sisiny, —amy ny molony, rongo, akotso, trano. La—d'un chapeau. Ny *zavatra ao amy ny sisina, molo*-tsatroka. —de gazon. Tombok' ahitra *amy ny sisim*-boly. —d'un tableau. *Tranon*-tsary.

BORÉAL, ALE, *adj.* Any avaratra. Pôle—. Poly *avaratra.*

BORGNE, *adj.* et *s.* Goa-maso anila, poa-maso anila, fotsy maso anila.

BORNE, *sf.* 1° Faritra, fangitra, valampariby, fetra. Bornes d'une rizière. *Valamparihy.* Bornes d'un champ. *Faritry, fangitry* ny tanimboly. Bornes d' un royaume. *Faritry, fetry* ny fanjakana. 2° *fig.* Fetra. Il dépasse les bornes en tout. Tsy mahalala *fetra* amy ny zavatra rehetra izy.

BORNÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Voafaritra, nofaritana, voafangitra, nofangitana, voavala, novalána, voafetra, noferana, misy fetra. 2° *fig.* Marivo saina, fohy saina, kely saina, ketrina.

BORNER, *va.* 1° Mamaritra, mamangitra, mamala, mametra. —un champ. *Mamaritra, mamangitra* tanimboly. Les Alpes bornent la France. Ny tendrombohitra Alpa *mamaritra, mametra* any Frantsa. 2° *fig.* Mametra, manisy fetra. —son discours, ses désirs. *Mametra,* etc., ny laha-teniny, ny faniriany.

Se borner, *vpr.* 1° Mahalala fetra. 2°—, Fotsiny, tsy manao afa-tsy. Il s'est borné à des menaces. Nandrahona *fotsiny* izy, tsy *nanao afa-tsy* fandrahonana izy.

BOSPHORE, *sm.* Andilan-dranomasina.

BOSQUET, *sm.* Ala kely, kirihitr' ala.

BOSSE, *sf.* 1° Trafo. Il a une énorme—sur le dos. Manana *trafo* makadiry ao an-damosiny izy. 2°—, Mivonto, montitra, mivohitra, mikibontana. Il a une—à la tête. Misy *mivonto,* etc., ao amy ny lohany. Terrain plein de bosses. Tany *mimontimontitra, mivohibohitra.*

BOSSU, UE, *adj.* et *s.* Vokoka, manantrafo, mikibontana. Il est—par devant et par derrière. Sady *vokoka, manantrafo* izy no *mikibontana* ao amy ny tratrany.

BOTANIQUE, *sf.* Fahaizana momba ny zava-maniry.

BOTANISTE, *sm.* Mpahalala ny momba ny zava-maniry.

BOTTE, *sf.* 1° Baoty. 2°—, Amboara. —de foin. *Amboaram*-bilona. —d'oignons. *Amboaran*-tongolo.

BOTTER, *va.* Mampiditra baoty, manao baoty.

Se botter, *vpr.* Mampiditra baoty.

BOTTIER, *sm.* Mpanao baoty.

BOTTINE, *sf.* Baotina.

BOUC, *sm.* Osilahy. —émissaire. *Osilahy* nataon' ny jody faditra ; *fig.* olona atao faditry ny be.

BOUCAN, *sf.* 1° Trano anamainana hena na hazandrano amy ny setroka. 2° *fig.* Tabataba. Quel—font ces élèves! Adre! izany *tabataba* ataon'ireto sekoly ireto izany!

BOUCANER, *va.* Manamaina hena na hazandrano amy ny setroka.

BOUCHE, *sf.* 1° Vava. Se rincer la—. Manontsam-*bava.* Il est resté—close. Tsy niloa *bava,* nihombom-*bava* izy. La—d'un cheval. Ny *vavan*-tsoavaly. La—d'un canon. Ny *vava* tafondro. ‖ *loc.* Aller de—en—. Miely vetivety. Garder quelque chose pour la bonne—. Mitahiry zavatra hatao fara hota, fara vava, fara ady, fara doboka. Faire venir l'eau à la—. Mampitelin-drora. Renvoyer les bouches inutiles. Mamoaka ny zaza amam-behivavy. —à feu. Tafondro. 2°—, Vavarano. Les bouches du Nil. Ny *vavaranony* Nily.

BOUCHÉ, ÉE, *p.* et *adj.* Voatsentsina, notsentseuana, tsentsina, voatampina, notampenana, tampina, fempina, hifotra. Le trou est—. *Voatsentsina,* etc., ny lavaka.

BOUCHÉE, *sf.* Indraim-bava, sombiny. Il n'a pris qu'une—de pain. Tsy naka afa-tsy mofo *indraim-bava, sombi*-mofo izy.

BOUCHER, *va.* Manentsina, manampina, mamempina. Bouchez bien le trou. *Tsentseno, tampeno, fempeno* tsara ny lavaka. Ne bouchez pas le chemin. Aza *manampin*-dálana.

Se boucher, *vpr.* 1° Tsentsina, tampina, fempina, hifotra. 2° *fig.* Se—les oreilles.

Mitsentsin-tadiny, *manentsin*-tsofina.

BOUCHER, *sm.* 1° Mpivaro-kena. 2° *fig.* Olo-masiaka.

BOUCHERIE, *sf.* 1° Trano famonoambiby, — fivarotan-kena. 2° *fig.* Vonoana olona. La bataille fut une vraie —. Tena *vonoana olona* ny ady.

BOUCHE-TROU, *sm.* Mpanamaro isa foana, mpisolo an-kamehana, mpanaonao foana.

BOUCHON, *sm.* Tsentsina, bosoa.

BOUCHONNER, *va.* Mamaoka amy ny bozaka. — un cheval. *Mamaoka* soavaly *amy ny bozaka.*

BOUCLE, *sf.* 1° Fampoehana. 2° —, Volon-doha miolikolika.

BOUCLER, *va.* 1° Mangeja amy ny fampoehana. — sa ceinture. *Mangeja* ny fehikibony *amy ny fampoehana.* 2° —. Mampiolikolika. — les cheveux. *Mampioliholika* ny volon-doha.

—, *vn.* Miolikolika.

BOUCLIER, *sm.* 1° Ampinga. Frapper et brandir le — en signe d'acquiescement. Mipiaka *ampinga.* 2° *fig.* Aro, kiady. Il est le — de son pays. *Aro, kiadin'* ny tanin-drazany izy.

BOUDER, *vn.* et *va.* Midongy, mizihitra.

Se bouder, *vpr.* Mifampidongy, mifampizihitra.

BOUDERIE, *sf.* Fidongiana, fizihirana.

BOUDEUR, EUSE, *adj.* et *s.* Mpidongy, mpizihitra.

BOUDIN, *sm.* Tsinain-kisoa sesehana ny rany.

BOUDOIR, *sm.* Efi-tranon' ny vehivavy.

BOUE, *sf.* 1° Fotaka, rihi-potaka, feta, rihitra. Il est couvert de —. Feno *fotaka, rihi-potaka* izy. Faire des murailles avec de la —. Manao ampiantany amy ny *feta.* Faire de la — pour maçonner des briques. Manao *rihitra* mba handrafetam-biriky. 2° *fig.* Fahavetavetana. Il est dans la —. Latsaka ao anatin' ny *fahavetavetana* izy. Traîner quelqu'un dans la —. *Mametaveta,* manoso-potaka olona.

BOUEUX, EUSE, *adj.* Be fotaka, feno fotaka.

BOUFFANT, ANTE, *adj.* Mibonaka, mibontsina. Etoffe bouffante. Lamba *mibonaka,* etc.

BOUFFÉE, *sf.* 1° Fidofaka, fifololótra. Il lança sur la figure de son ami une— de fumée. *Nodofahany* setroka ny tavan' ny sakaizany. Une — de vent. Rivotra *mifololótra.* 2° *fig.* Fihetsehana. C'est une — de colère. *Fihetsehan'* ny hatezerana izany.

BOUFFER, *vn.* Mibonaka, mibontsina. Cette robe bouffe. *Mibonaka,* etc., io robo io.

BOUFFI, IE, *adj.* 1° Mivontovonto, mibonabona, midibadiba. 2° *fig.* Vonto. Il est — d'orgueil, de colère. *Vonton'* ny fiavonavonana, ny hatezerana izy. 3°—, Be renty loatra, be haingo loatra, be sira loatra. Style —. Laha-teny *be renty loatra,* etc.

BOUFFIR, *va.* Mampivontovonto, mampibonabona, mampidibadiba. L'hydropisie lui a bouffi le corps. Ny maniranо *nampivontovonto,* etc., ny tenany.

—, *vn.* Mivontovonto, mibonabona, midibadiba. Il bouffit tous les jours davantage. *Mivontovonto,* etc., isan' andro izy.

BOUFFISSURE, *sf.* 1° Fivontovonto, fibonabona, fidibadiba. 2° *fig.* Fireuty be loatra.

BOUFFON, ONNE, *adj.* Hatsikana, valavala, mampihomehy, arira, harankana.

—, *sm.* Mpampihomehy an danonana, mpanao kivalavala, ariralahy, kapotsaka, harankana.

BOUFFONNER, *vn.* Milaza na manao hatsikana, manao kivalavala.

BOUFFONNERIE, *sf.* Hatsikana, kivalavala, kapotsaka.

BOUGE, *sm.* Efi-trano ratsy.

BOUGEOIR, *sm.* Fanaovan-jiro.

BOUGER, *vn.* Mihetsika. Tu es mort, si tu bouges. Maty ialahy raha *mihetsika.*

BOUGIE, *sf.* Labozy savoka.

BOUGONNER, *vn.* Misamonimonina, mimonomonona, mimoimoy.

BOUILLANT, ANTE, *adj.* 1° Mangotraka, mandevy. Huile bouillante. Solika *mangotraka,* etc. 2° *fig.* Mavitrika, mirehitra, mandroatra. Homme—. Olona *mavitrika.* Il est — de colère. *Mirehitra, mandroatry* ny hatezerana izy.

BOUILLI, *sm.* Hena nalain-dro.

BOUILLIE, *sf.* Koba, sosoa.

BOUILLIR, *vn.* 1° Mangotraka, mandevy. Faire — des haricots. *Mampangotraka,* etc., tsaramaso. 2° *fig.* Mirehitra, mandroatra.

BOUILLOIRE, *sf.* Kafitera.

BOUILLON, *sm.* 1° Ro, ron-kena. — succulent. *Ro* mangazafy. — gras qui a beaucoup d'yeux. *Ro* be maso. 2° —, Fangotraka, fandevy, fiboiboika. L'eau bout à gros bouillons. *Mangotraka, mandevy* ny rano. L'eau jaillit à gros bouillons. *Miboiboika* ny rano. 3° —, Tsipoapoaka.

BOUILLONNANT, ANTE, *adj.* Mangotrakotraka, mandevy, miboiboika.

BOUILLONNEMENT, *sm.* Fangotrakotraka, fandevy, fiboiboika.

BOUILLONNER, *vn.* 1° Mangotrakotraka, mandevy, miboiboika. || *loc.* Commencer à —. Mangorovitsika. 2° *fig.* Mandroatra, misondrotra. — de colère. *Mandroatry* ny hatezerana. Mon sang bouillonne. *Misondrotra* ny rako.

—, *va.* Manisy tsipoapoaka. — une robe. *Manisy tsipoapoaka* amy ny robo.

BOUILLOTTE, *sf.* Kafitera.

BOULANGER, *sm.* Mpanao mofo.

BOULANGERIE, *sf.* Trano fanaovamofo.

BOULE, *sf.* Kanety be, kiboribory.— de cuivre. *Kiborim*-barahina. —creuse. *Kiboribory* poaka aty

BOULEDOGUE, *sm.* Bolidaogy.

BOULET, *sm.* Balan-tafondro.

BOULETTE, *sf.* 1° Volavola. 2° *fig.* Hadisoan-kevitra tsy nahy, badalana.

BOULEVARD, *sf.* Araben-dalana otronin-kazo maniry.

BOULEVERSEMENT, *sm.* 1° Fikorontanana, fisafotofotoana, fisavorovoroana. fikorokoroana, fisamboaravoara. 2° *fig.* Fitabatabana, tabataba, kotabataba.

BOULEVERSER, *va.* 1° Manakorontana, mampikorontana, manasafotofoto, manasavorovoro, manakorokoro, mampisamboaravoara. —les meubles de la maison. *Manakorontana, mampikorontana, manasafotofoto, manasavorovoro, manakorokoro* ny fanaka ao antrano. Le vent bouleverse les flots. Ny rivotra *mampisamboaravoara* ny onjan-dranomasina. 2° *fig.* Mampitabataba, mampikotabataba, mampikorontana. Il a bouleversé la ville. *Nampitabataba,* etc., ny tanàna izy. 3°—, Mahavery saina. La mort de sa mère l'a bouleversé. *Nahavery saina* azy ny nahafatesan-dreniny.

BOULON, *sm.* Rindram-by.

BOULONNER, *va.* Manisy rindram-by.

BOUQUET, *sm.* 1° Fehezam-boninkazo. 2°—, Fehezana. Un—de plumes. *Fehezam*-bolom-borona. 3°—, Hanitry ny divay. 4°—, Fara doboka amy ny kilalaombanja.

BOUQUETIÈRE, *sf.* Vehivavy mpivaro-boninkazo.

BOUQUIN, *sm.* Boky tranainy.

BOUQUINISTE, *sm.* Mpivarotra boky tranainy.

BOURBE, *sf.* Fotaka mandrevo.

BOURBEUX, EUSE *adj.* Be fotaka mandrevo.

BOURBIER, *sm.* 1° Honahona, fotaka mandrevo. Il s'est enfoncé dans un—. Latsaka tao anatin' ny *honahona*, etc., izy. 2° *fig.* Fahasahiranana lehibe. Il s' est mis dans un—. Tafahitsoka amy ny *fahasahiranana* lehibe izy.

BOURBILLON, *sm.* Akalam-bay.

BOURDE, *sf.* Lainga.

BOURDON, *sm.* 1° Tantelisiaka. 2°—, Tantelilahy, amboalambontantely. 3°—, Lakolosy makadiry. 4°—, Tehin' ny mpivahiny taloha.

BOURDONNEMENT, *sm.* 1° Fisamonimonina, fimonomonona. 2° *fig.* Fihahohaho, fibobobobo. Le peuple fit entendre un—. *Nihahohaho* ny vahoaka. La maladie lui a laissé un — d'oreilles. Ny aretina *nampibobobobo* ny sofiny.

BOURDONNER, *vn.* 1° Misamonimonina, mimonomonona. Les abeilles bourdonnent. Ny renitantely *misamonimonina,* etc. 2° *fig.* Mihahohaho.

—, *va.* Mimonomonona. Il bourdonne toujours quelques airs. Mibira *mimonomonona* matetika izy.

BOURG, *sm* Tanàna, vohitra.

BOURGADE, *sf.* Tanàna kely, vohitra madinika.

BOURGEOIS, OISE, *s.* 1° Borizano, 2°—, Lehibe. Son — n'est pas content de lui. Ny *lehibeny* tsy faly aminy.

—, *adj.* Momba ny borizano. Habit —. Akanjom-*borizano.* 2°—, Tsotra loatra. Il a des manières bourgeoises. *Tsotra loatra* ny fanaony.

BOURGEOISIE, *sf.* Ny borizano.

BOURGEON, *sm.* 1° Tsimo-kazo. 2° *fig.* Mony.

BOURGEONNÉ, ÉE, *adj.* Misy mony. Visage —. Tarehy *misy mony.*

BOURGEONNER, *vn.* 1° Mitsimoka. Les arbres bourgeonnent. *Mitsimoka* ny hazo. 2° *fig.* Misy mony.

BOURRASQUE, *sf.* 1° Tafio-drivotra kely. 2° *fig.* Firimorimoana. Il est sujet à des bourrasques. *Mirimorimo* hiany izy indraindray.

BOURRE, *sf.* 1° Safotofoton-javatra, savorovoron-javatra, fonjozoro, savorinala, vonim-panoro. 2° —, Tsaika. — de laine. *Tsaikam*-bolon' ondry. — de soie. *Tsaikan*-dandy. 3°—, Totovory.

BOURREAU, *sm.* 1° Mpanapa-doha, roambinifolahy. 2° *fig.* Olo-masiaka.

BOURRÉE, *sf.* Karazan-dihy.

BOURRELÉ, ÉE, *adj.* Mivadi-bontana. Il est—de remords. *Mivadi-bontana* azon' ny nenina izy.

BOURRELER, *va.* Mampivadi-bontana.

BOURRELET, *sm.* Halana.

BOURRELIER, *sm.* Mpanao lasely.

BOURRER, *va,* 1° Manisy totovory. — le fusil. *Manisy totovory* basy. 2°—, Manesika, mandetra. —un enfant de nourriture. *Manesika,* etc., hanina zaza kely. 2° *fig.* Mamangovango, mandevilevy. —quelqu'un. *Mamangovango,* etc., olona.

Se bourrer, *vpr.* 1° Misesika, miletra. 2° *fig.* Mifamangovango, mifamazana, mifamandraka.

BOURRIQUE, *sf.* Borikivavy, ampondravavy.

BOURRIQUET, *sm.* Zanak' ampondra.

BOURRU, UE, *adj.* Kitokitoina.

BOURSE, *sf* 1° Kitapom-bola.—de cuir. *Kitapom-bola* hoditra. 2° *fig.* Vola. Il secourt les pauvres de sa—. Manampy ny mahantra amy ny *volany* izy. Faire—commune. Miombom-*bola*. Ami jusqu'à la—. Sakaiza tsy mampisambo-*bola,* sakaiza vava, mpanao fisakaizam-boalavo. 3°—, Trano fivarotana ny zana-bola omen' ny fanjakana na taratasy vola navoakany.

BOURSOUFLÉ, ÉE, *adj,* 1° Mihodrohodro, mivindimbindina. Visage—. Tava *mihodrohodro,* etc. 2° *fig.* Be renty loatra. Voy. Bouffi.

BOURSOUFLER, *va.* 1° Mampihodrohodro, mampivindimbindina. 2° *fig.* Mandrenty loatra.

BOURSOUFLURE, *sf.* 1° Fihodrohodro, fivindimbindina, tavirano. 2° *fig.* Renty be loatra.

BOUSCULADE, *sf.* Fanositosehana, fandronjindronjenana.

BOUSCULER, *va.* Manositosika, mandronjindronjina.

Se bousculer, *vpr.* Mifanositosika, mifandronjindronjina.

BOUSE, *sf.* Tain' omby, taik' omby.

BOUSIER, *sm.* Voantay.

BOUSIN, *sm.* Tabataba.

BOUSSOLE, *sf.* 1° Famantarana avaratra. 2° *fig.* Fitsipika, mpitari-dálana. Vos conseils me servent de—. Ny toro-hevitrao no *fitsipiko, mpitari-dalana* ahy.

BOUT, sm. 1° Tendro, vazany, fara-vazana, farany, fahataperana. Il le toucha du—du doigt. Nikasika azy tamy ny *tendron*-drantsan-tánany izy. J'ai le mot sur le—de la langue. Ao an-*tendro*-molotro izany teny izany. Mettez un—de cuivre à cette canne. Asio varahina ny *tendron'* ity tehina ity. Mettez une chaise aux deux bouts de la table. Petraho seza avy ny *vazan*-databatra roa. Il est allé jusqu'au—du monde. Lasa any amy ny *fara-vazan*-tany izy. Le—de l'allée. Ny *faran'* ny arabe. Nous sommes au—de l'année. Efa mby amy ny *faran'* ny taona izao isika, efa ho *tapitra* izao ny taona. Coudre deux bandes de toile—à—. Manjaitra tapa-damba roa *mifanendro.* 2°—, Tapany, sombiny. Donnez-moi un—de bougie, un—de papier. Omeo *tapa*-dabozy, *sombin*-taratasy kely aho. Je lui ai écrit un—de lettre. Nanoratra *sombin*-taratasy kely taminy aho. Tu n'es qu'un—d'homme. Tena *tapak'* olona, *tapak'* amponga ialahy. ‖ *loc.* Le—tendre des branches, des plantes. Laingo. Il tient le haut—dans les assemblées. Filohany, tampon-dohany amy ny fivoriana izy. Etre à—. Sanganehana, very hevitra. Mettre quelqu'un à—. *Mahasanganehana, mahavery hevitra* olona. Pousser quelqu'un à—. Mahatezitra olona. Il est au—de son argent. Lany vola izy. Il est venu à—de son dessein. Nahatanteraka ny fikasany izy.

Au bout du compte, *loc. adv.* Koa amin' izany, amy ny farany. Au—du compte vous avez raison. *Koa amin' izany,* etc., marina ny anao.

D'un bout à l'autre, *loc. adv.* Erany, hatramy ny voalohany ka hatramy ny farany. Courir la ville d'un—à l'autre. Mandehandeha *eran'* ny tanána. J'ai lu ce livre d'un—à l'autre. Efa novakiko *hatramy ny voalohany ka hatramy ny farany* io boky io.

BOUTADE, *sf.* Haitraitra, fidongiana.

BOUTE-EN-TRAIN, *sm.* Mpitarika

BOUTEILLE, *sf.* 1° Tavoahangy. 2° —, Eran' ny tavoahangy. 3° *fig.* Fisotro. Il aime la—. Tia *fisotrosotro* izy.

BOUTIQUE, *sf.* 1° Trano fivarotana, trano fiasana. 2°—, Entana sisa. Ce marchand a vendu sa—. Nivarotra ny *entany sisa* io mpivarotra io.

BOUTIQUIER, *sm.* Mpivarotra.

BOUTOIR, *sm.* 1° Fisorohana kitrontsoavaly. 2°—, Vavan-dambo. 3° *fig.* Donner un coup de — à quelqu'un. Mamely olona amy ny teny mafy.

BOUTON, *sm.* 1° Bokony. Il y a bien des boutons à cet arbre. Efa *mibokoboko* be hiany io hazo io. —de rose. *Bokom*-bonin-drozy. 2°—, Mony, forofotra. Il a des boutons au visage. Misy *mony* ny tavany. Boutons de petite vérole. *Forofo*-nendra. 3°—, Bokotra, kibory. —d'argent. *Bokotra* volafotsy. —de tiroir. *Kiborim*-bata sarihana.

BOUTONNER, *va.* Mampidi-bokotra. —, *vn.* Mibokoboko.

Se boutonner, *vpr.* Mampidi-bokotra.

BOUTONNIÈRE, *sf.* Lava-bokotra.

BOUTURE, *sf.* Rantsan-kazo ambolena, masom-boly.

BOUVET, *sm.* Bové.

BOUVETER, *va.* Manabové.

BOUVIER, IÈRE, *s.* Mpiandry omby, mpanaraka—.

BOUVREUIL, *sm.* —nain. Tsikirity.

BOVINE, *adj.* La race—. Ny omby.

BOXE, *sf.* Fifamelezana totohondry.

BOXER, *vn.* Mifamely totohondry.

Se boxer, *vpr.* Mifamely totohondry.

BOXEUR, *sm.* Mpifamely totohondry.

BOYAU, *sm.* Tsinay.

BRACELET, *sm.* Fehin-tánana, haba, tsimikatona, hidivava, hosina.

BRACONNIER, *sm.* Mpitifi-borona antsokosoko amy ny sahan' olona.

BRAILLARD, ARDE, *s.* et *adj.* Tsaontsaom-bava, mpipentsompentsona, mpikamentsona, be kamentsona, mpibedibedy.

BRAILLER, *vn.* Mitsaontsaom-bava, mipentsompentsona, mikamentsona, mimentsomentsona, mibedibedy.

BRAIMENT, *sm.* Fanenon' ampondra.

BRAIRE, *vn.* 1° Maneno, mikiakiaka, midradradradra. 2° *fig.* Mihira mikiakiaka.

BRAISE, *sf.* Vainafo.

BRANCARD, *sm.* 1° Fiara. 2°—, Tapan-kalesy, —tsarety.

BRANCHAGE, *sm.* Rantsan-kazo.

BRANCHE, *sf.* 1° Rantsan-kazo, sampankazo, raba-kazo. Cet arbre a beaucoup de branches. Be *rantsana. misampantsampana, misandrahaka, mandrahaka* io hazo io. 2°—, Sampana, rantsana. Un chandelier à sept branches. Fanaovan-jiro *misampana* fito, fito *rantsana.* Les branches d'une rivière. Ny *sampantsampan'* ny renirano. 3°—, Antoko Le calcul est une—de l'enseignement primaire. Ny marika dia *antokon'* ny fianarana ambany. 4°—, Taranaka. La—aînée, cadette. Ny *taranaky* ny zoky, ny zandry.

BRANCHU, UE, *adj.* Maro rantsana, misandrahaka, mandrahaka.

BRANDILLEMENT, *sm.* Fikivilivily, fisavilivily.

BRANDILLER, *va.* Manakivilivily, manasavilivily, mampisavilivily, manipy. —les bras. *Manakivilivily,* etc., sandry.

Se brandiller, *vpr.* Mikivilivily, misavilivily.

BRANDIR, *va.* Mampandihy. —le sabre. *Mampandihy* sabatra.

BRANDON, *sm.* 1° Fanilo. 2°—, Kilalaon' afo. 3° *fig.*—de discorde. Mpampiady, mpampikitrana, fikitra.

BRANLANT, ANTE, *adj.* Mihetsiketsika, mihovotrovotra, mihozongozona, mipararetra, miheviugevina.

BRANLE, *sm.* 1° Fisavilivily, fikivilivily. Mettre les cloches en—. *Mampisavilivily, mampikivilivily* lakolosy. 2° *fig.* Mettre en—. Mampanomboka, mampanao.

BRANLEMENT, *sm.* Fihetsiketsika, fisavilivily, fikivilivily, fihovotrovotra, fihozongozona, fipararetra, fihevingevina.

BRANLER, *va.* Manetsiketsika, manasavilivily, manakivilivily, manovotrovotra, manozongozona, mampipararetra, manevingevina.—la tête. *Manetsiketsika, manozongozona, manevingevina* ny loha. — les bras. *Manasavilivily, manakivilivily* sandry.

—, *vn.* Mihetsiketsika, mihovotrovotra, mihozongozona, mipararetra, mihevingevina. Le plancher branle. *Mihetsiketsika, mihovotrovotra, mihozongozona, mipararetra* ny rihana. Ses dents branlent. *Mihetsiketsika, mihozongozona, mihevingevina* ny nifiny.

BRAQUE, *sm.* Maivan-doha, tanora fanahy.

BRAQUER, *va.* 1° Mampanandrify. — un canon contre l' ennemi. *Mampanandrify* tafondro amy ny fahavalo. 2° *fig.* — ses regards sur quelqu'un. Mibanjina olona.

BRAS, *sm.* 1° Sandry, lanton-tsandry. || *loc.* Porter sur les—ou entre les—. Mitrotro. Donner le—. Mitantána. Se donner le—. Mifampitantána. Porter un paquet sous le—. Misakelika entana. 2°—. Sampana, sakelika, andilana, fiankinantsandry. — d'une rivière. *Sampana, sakeli*-drano. — de mer. *Andilan*-dranomasina.—d'un fauteuil. *Fiankinan-tsandry* amy ny sezabe. 3° *fig.* Asa, hery, herin-tsandry, herim-po, felatanana. Il ne vit que de ses—. Ny *asan*-tanany hiany no ivelomany. Le — de Dieu n'est pas raccourci. Tsy mihakely ny *hery*, ny *herin-tsandrin'* Andriamanitra. Les — lui ont manqué. Lany *herim-po* izy. Je me jette entre vos—. Apetrako eo am-*pelatananao* ny tenako. || *loc.* Recevoir quelqu'un à — ouverts. Mandray olona ankafaliana. Il est tombé sur lui à — raccourcis. Namango azy araka izay tratry ny ainy izy. Il le saisit à — le corps. Nitolona azy izy. Marcher — dessus — dessous. Mifampisakambina ; *fig.* misakaiza.

BRASER, *va.* Maningina.

BRASIER, *sm.* Afo mivaivay.

BRASSE, *sf.* Refy. Mesurer par brasses. *Mandrefy.* || *loc.* Demi —. Mamaky tratra. La profondeur du lac est de trois brasses. Fahatelo ny halalin' ny farihy.

BRASSÉE, *sf.* Iray trotroana. Portez-moi une — d'herbes. Itondray bozaka *iray trotroana* aho.

BRASSER, *va.* 1° Manao labiera. 2° *fig.* Manao haingana.— des affaires. *Manao haingana* ny raharaha maro.

BRASSERIE, *sf.* Trano fanaovan-dabiera.

BRASSEUR, EUSE, *s.* Mpanao labiera.

BRASURE, *sf.* Faninginana.

BRAVACHE, *sf.* Mahery am-bava. Comme FANFARON.

BRAVADE, *sf.* Haika, rahom-bava.

BRAVE, *adj.* 1° Mahery fo, sahy, dontolahy. Il est très — dans les combats. *Mahery* fo, etc., raha miady izy. 2°—, Tsara fanahy, malemy fanahy. C'est un— homme. *Tsara fanahy*, etc., izy.

—, *sm.* Olona mahery fo.

BRAVEMENT, *adv.* An-kerim-po, ankasahiana.

BRAVER, *va.* Tsy matahotra, mihaika, manehatra.—la colère de quelqu'un. *Tsy matahotra* ny hatezeran' olona, *tsy mataho*-maso mena .—quelqu'un. *Tsy matahotra, mihaika* olona.—la mort. *Tsy mataho*-maty, milefo, manao vy very ny aina, tey mahalala maty. Voy. AFFRONTER.

BRAVO, *int.* Tsara ! izany no izy !

—, *sm.* Hoby, fihobena, fihorehana.

BRAVOURE, *sm.* Herim-po, hasahiana.

BREBIS, *sf.* Ondrivavy, reniondry.

BRÈCHE, *sf.* 1° Banga, habangana, rombina, fandrombinana, fanombinana. Les assiégeants entrèrent par la—. Niditra tamy ny *banga* ny mpanao fahirano. Il a fait une—à son couteau. *Nobangainy* ny antsiny. Il a fait une—au gâteau. *Nandrombinany, nanombinany* ny mofo mamy. 2° *fig.* Fahasimbana, fahabangana. Il a fait une—à son honneur. *Nosimbany* ny voninahiny. Il a fait une—à sa fortune. *Nahabangána* ny hareny. Voy. EBRÉCHER.

BRÈDE, *sf.* Anamamy. || —martin. Anamafaitra.

BREDOUILLEMENT, *sm.* Fiboredika, fikododika, fikodadaka.

BREDOUILLER, *vn.* et *a.* Miboredika, mikodedika, mikodadaka. Ce lecteur ne fait que—. *Miboredika* etc., io mpamaky teny io.

BREDOUILLEUR, EUSE, *s.* Mpiboredika, mpikodedika, mpikodadaka.

BREF, ÈVE, *adj.* Fohy. Causerie brève. Resaka *fohy.*

Bref, *adv.* Farany.—, je le défends. *Farany,* rarako izany.

BREF, *sm.* Taratasy fohifohy ampitondrain' ny Papa.

BRELOQUE, *sf.* Rava-drojom-pamantaranandro.

BRELOQUE ou **BERLOQUE,** *sf.* Fivelezana langorony iantsoana. Battre la —. *Mively langorony iantsoana; fig.* mibedibedy foana.

BRETELLE, *sf.* Beritelo.

BREUVAGE, *sm.* Fisotro.—empoisonné. *Fisotro* misy poizina.

BREVET, *sm.* Fitomboka, kasé. Il a obtenu le—d'instituteur. Nahazo *fitomboka, kasé* ho mpampianatra izy.

BREVETÉ, ÉE, *adj.* et *s.* Nahazo fitomboka.

BREVETER, *va.* Manome fitomboka.

BRÉVIAIRE, *sm.* Boky fivavahan' ny Pretra.

BRIBE, *sf.* 1° Vonga-mofo. 2° —, *pl.* Hanina sisa tsy lany. On a donné aux pauvres les bribes du dîner. Nomena ny mahantra ny *sisa tsy lany* tamy ny sakafo. 3° *fig.* Teny tsimponina kitoatoa. Il aime à citer quelques bribes de latin. Mahafaly azy ny milaza *teny* latina *notsimponina kitoatoa.*

BRIC-À-BRAC, *sm.* Kotrakotran-javatra, zavatra tranainy. Marchand de —. Mpivarotra *kotrakotran-javatra,* etc.

BRICK, *sm.* Sambo kely roa salazana.

BRIDE, *sf.* 1° Lamboridy. Mener un cheval par la—. Mitarika soavaly amy ny *lamboridy.* || *loc.* Aller à — abattue, ou à toute —. Mampiriotra soavaly. 2° —, Fihazonan-tsatroka. 3° *fig.* Fitandremana, fisakanana, fiambenana. Tenir quelqu' un en—. *Mitandrina, misakana, miambina* olona mba tsy hanao ratsy.

BRIDER, *vn.* 1° Manisy lamboridy. 2° *fig.* Mitandrina, misakana, miambina.

BRIDON, *sf.* Lamboridivavy.

BRIEF, ÈVE, *adj.* Fohy.

BRIÈVEMENT, *adv.* Amy ny teny fohifohy,—vitsivitsy. Racontez—cette histoire. Tantarao *amy ny teny fohifohy,* etc., izany tantara izany.

BRIÈVETÉ, *sf.* 1° Hafohezana, hafohy, havitsy, havitsiana. La—du temps. Ny *hafohezan'* ny andro. 2°—, Hafohezanteny, havitsian-teny.

BRIGADE, *sf.* Antoko-miaramila misy *régiment* roa, borigedry.

BRIGAND, *sm.* Jiolahy, tontakely, mpisakana olona, jirika.

BRIGANDAGE, *sm.* Fanaovana tontakely, fisakanana olona.

BRIGUE, *sf.* Fitadiavana an-tsokosoko, firaisan-tetika. C'est par — qu'il a été nommé. Voafidy noho ny *nataony an-tsokosoko* izy.

BRIGUER, *va.* Mitady an-tsokosoko, mitsiriritra. Depuis un an il briguait la charge de gouverneur. Herintaona no *nitadiavany an-tsokosoko, nitsiriritany* ho goverinora.

BRILLAMMENT, *adv.* Tsara dia tsara, amim-boninahitra.

BRILLANT, ANTE, *adj.* 1° Mamirapiratra, manjopiaka. Lumière brillante. Fahazavana *mamirapiratra, manjopiaka.* Parure brillante. Haingo *mamirapiratra.* 2°—, Tsara dia tsara. Voix brillante. Feo *tsara dia tsara.* 3° *fig.* Be renty, mahagaga. Il a un style—. *Be renty* ny laha-teniny. Il a fait des actions brillantes. *Mahagaga* ny nataony.

—, *sm.* 1° Famirapiratra, fanjopiaka. Le —d'une perle. Ny *famirapiratry,* etc., ny vakana. 2°—, Hatsara. 3°—, Diamondra. 4° *fig.* Firenty.

BRILLANTÉ, ÉE, *adj.* Be renty loatra.

BRILLANTER, *va.* Mandrentirenty loatra.

BRILLER, *vn.* 1° Mamirapiratra, manjopiaka. Le soleil brille. *Mamirapiratra,* etc., ny masoandro. 2° *fig.* Mahagaga, miseho, mahay dia mahay. Il brille par le courage. *Mahagaga* ny herim-pony. La joie brille dans ses yeux. Ny hafaliana *miseho* amy ny masony, miramira-maso izy. Il brille en arithmétique. *Mahay dia mahay* izy amy ny marika.

BRIMBORION, *sm.* Zavatra tsinontsinona.

BRIN, *sm.* 1° Tsiry, tapany, sombina. — d' herbe. *Tsirin'* ahitra, *tapak'* ahitra. — de fil. *Tapaka, sombin*-kofehy. 2° *fig.* Kely, sombina. J' ai encore un — d' espérance dans mon cœur. Mbola misy fanantenana *kely* ao am-poko. Je n' ai pas un — de pain. Tsy manana mofo aho na dia *kely,* etc., aza.

Brin-à-brin, *loc. adv.* Tsirairay. Enlevez les mauvaises herbes — à —. Esory *tsirairay* ny ahi-dratsy.

BRIOCHE, *sn.* 1° Karaza-mofo mamy madinika. 2° *fig.* Hadalana, hadisoana tsy nahy.

BRIQUE, *sf.* Biriky. — cuite. *Biriky* tanimanga.

BRIQUET, *sm.* Fanaovana paik'afo.

BRIQUETÉ, ÉE, *adj.* Miendri-tanimanga. Maison briquetée. Trano *miendri-tanimanga.*

BRIQUETER, *va.* Mampitovy endrika amy ny tanimanga.

BRIQUETERIE, *sf.* Trano fanaovana tanimanga.

BRIQUETIER, *sm.* Mpanao tanimanga.

BRISANT, *sm.* Haram-bato iantoraban ny ranomasina.

BRISE, *sf.* Rivotra.

BRISÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Vaky, novakina, tapaka, notapahina, milefitra. Volet—. Varavaran-kely *milefitra.* 2° *fig.* Reraka, sasatra.

BRISÉES, *sf. pl.* 1° Von' ahitra. 2° *fig.* Aller sur les—de quelqu'un. Mifanina-na amy ny olona.

BRISEMENT, *sm.* 1° Fiantoraky ny onjan-drano. 2° *fig.* —de cœur. Fanenénana mafy, alahelo mafy.

BRISER, *va.* 1° Mamaky, manapaka. — une glace, une marmite, une statue. *Mamaky* fitaratra, vilany, sariolona.— des mottes de terre. *Mamaky* bainga, mitombo-doha, mamaky loha. La balle lui brisa un os. Ny bala *nanapaka* ny taolany anankiray. 2° *fig.* Manapaka, manafaka.— les liens de l' amitié. *Manapaka* ny fihavanana.— ses chaines. *Manafa*-tena. 3°—, Mahareraka, mandreraka, mahasasatra. Le trot du cheval me brise. Ny fitsaikon' ny soavaly *mahareraka,* etc., ahy. — quelqu'un de coups. *Mandreraka* olona amy ny kapoka.

—, *vn.* Miantoraka, miantonta. La mer brise sur la côte. *Miantoraka,* etc., eny an-tanety ny ranomasina.

Se briser, *vpr.* 1° Vaky, toro, disaka. La bouteille s'est brisée. *Vaky,* etc., ny tavoahangy. 2°—, Miantoraka, miantonta. 3° *fig.* Torotoron' ny alahelo. A cette pensée mon cœur se brise. *Torotoron' ny alahelo* ny foko raha mihevitra izany.

BRISE-TOUT, *sm.* Mpamaky entana.

BRISURE, *sf.* Ny vaky, ny tapaka.

BROCANTAGE, *sm.* Varobarotra, takalokalo.

BROCANTER, *va.* Manao varobarotra, — takalokalo.

BROCANTEUR, EUSE, *s.* Mpanao varobarotra, — takalokalo.

BROCARD, *sm.* Eso, haraby.

BROCARDER, *va.* Maneso, manaraby.

BROCART, *sm.* Lamba lasoa vita amboridao volafotsy na volamena.

BROCHAGE, *sm.* Fanjairam-boky.

BROCHE, *sf.* 1° Salazam-bý. Faire cuire à la —. *Manasaly,* manatsikanina. 2° —, Fisisika.

BROCHER, *va.* 1° Manjaitra boky. 2° —,Manao amboridao. 3° *fig.* Manao haingana, manao zara fa vita. — une lettre. *Manao haingana,* etc., taratasy ampitondraina.

BROCHETTE, *sf.* Salazam-bý madinika.

BROCHEUR, EUSE, *s.* Mpanjaitra boky.

BROCHURE, *sf.* Boky voazaitra.

BRODEQUIN, *sm.* Baotina.

BRODER, *va.* 1° Manao amboradara, — amboridao. — d'or. *Manao amboridao* volamena. 2° *fig.* Manitatra. — une histoire. *Manitatra* tantara.

BRODERIE, *sf.* 1° Amboradara, amboridao. 2° *fig.* Fanitarana.

BRODEUR, EUSE, *s.* Mpanao amboradara, — amboridao.

BROIEMENT, *sm.* Fanorotoroana, fanamontsamontsanana, fanamongomongoana, fikosohana.

BRONCHE, *sf.* Lálan-drivotra any anatin' ny havokavoka.

BRONCHER, *vn.* 1° Tafintohina. Une pierre l'a fait —. *Tafintohin'* ny vato izy. 2° *fig.* Diso. Il n'y a si bon cheval qui ne bronche. Tsy misy olombelona tsy *diso,* ny homana aza misy latsaka.

BRONZE, *sm.* 1° Halimo. 2° *fig.* Hamafiana. Il a un cœur de—. *Mafy* fo, manana fo vato izy.

BRONZER, *va.* Mampitovy volo amy ny halimo.

Se bronzer, *vpr.* Mivolon-kalimo, mivalomainty.

BROQUETTE, *sf.* Karazam-pantsika madinika peta-doha.

BROSSE, *sf.* Borosy.

BROSSÉE, *sf.* Fandabodabohana, fametsapetsahana, fanandalasana. Il a reçu une—. *Voadabodaboka, voafetsapetsaka, nandalasina* izy.

BROSSER, *va.* 1° Manaborosy, miborosy. 2° *fig.* Mandabodaboka, mametsapetsaka.

Se brosser, *vpr.* Manaborosy tena, miborosy tena.

BROSSIER, *sm.* Mpanao borosy.

BROUET, *sm.* 1° Ro matsatso. 2° *fig.* Nahandro ratsy, nahandron-gadralava.

BROUETTE, *sf.* Boroety.

BROUETTER, *va.* Mitondra amy ny boroety.

BROUETTIER, *sm.* Mpitondra amy ny boroety.

BROUHAHA, *sm.* Horakoraka, horikorika, tabataba.

BROUILLAMINI, *sm.* Fisafotofoto, fisavorovoro, fifanjevo.

BROUILLARD, *sm.* 1° Zavona. Tous les matins il y a des brouillards. *Manjavona* isa-maraina ny andro. 2°—, Boky fanoratana isan' andro ny miditra sy ny mivoaka. ‖ Papier—. Taratasy fanamainan-tsoratra.

BROUILLE, *sf.* Comme Brouillerie.

BBOUILLÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Nampifangaroina, mifangaro, voasafotofoto, nasafotofoto, misafotofoto, voasavorovoro, nasavorovoro, misavorovoro. 2° *fig.* Mikorontana, tsy mifanaraka, ratsy raharaha. Ces deux frères sont breuillés. *Tsy mifanaraka, ratsy raharaha* izy mirahalahy ireo.

BROUILLER, *va.* 1° Mampifangaro, mampisafotofoto, mampisavorovoro. — des papiers. *Mampifangaro,* etc., taratasy. 2° *fig.* Mampisaraka. — des amis. *Mampisaraka* ny mpisakaiza.

Se brouiller, *vpr.* 1° Mifangaro, misafotofoto, misavorovoro. Mes idées se brouillent. *Mifangaro* ny hevitro. 2° *fig.* Mikorontana, misaraka, tsy mifanaraka, ratsy raharaha. Les affaires se brouillent. *Mikorontana* ny raharaha. 3°—, Mihamanjombona. Le temps se brouille. *Mihamanjombona* ny andro.

BROUILLERIE, *sf.* Tsy fifanarahana.

BROUILLON, ONNE, *adj.* et *s.* Mpampikorontana, mpampisaraka, mpampiady, fikitra.

BROUILLON, *sm.* Vangovango, ambangovango. Mettez au propre le—de la lettre. Ataovy madio ilay *vangovango, ambangovangon*-taratasy ampitondraina.

BROUSSAILLES, *sf. pl.* Hazohazo kely madinika. Un fagot de—. Anentan*kazohazo kely madinika.*

BROUTER, *va.* 1° Miraotra ahitra. 2° *fig.* Où la chèvre est attachée, il faut qu' elle broute. Samy tsy maintsy hiaritra ny anjarany.

BROYER, *va.* Manorotoro, manamontsamontsana, manamongomongo, mikosoka.— des couleurs. *Manorotoro,* etc., loko.—du tabac. *Mikoso*-paraky.

BROYEUR, *sm.* Mpanorotoro, mpanamontsamontsana, mpanamongomongo, mpikosoka.

BRU, *sf.* Vinantovavy.

BRUINE, *sf.* Erika.

BRUINER, *v. imp.* Merika, mandavenona. Il bruine. *Merika* ny andro. Il bruine légèrement. *Mandavenona* ny andro.

BRUIRE, *vn.* Misasasasa, mizozozozo, mifofofofo, mimamamama, mirohondrohona. On entend le vent—à travers le feuillage. Re *misasasasa, mizozozozo, mifofofofo, mimamamama* amy ny ravin-kazo ny rivotra.

BRUISSEMENT, *sm.* Fisasasasa, fizozozozo, fifofofofo, fimamamama, firohondrohona. Le —des vagues. Ny *firohondrohon'* ny onjan-drano.

BRUIT, *sm.* 1° Feo, faneno, fidoboka, fitefoka, fipoaka, fihahohaho, fikatrokatroka, fitatatata, fisasasasa, fitsatsiaka, fizozozozo, fifofofofo, fimamamama, firohondrohona, firiadriatra, fikotrokotroka, figororoana, fitrena. Entendez-vous le— du canon? Renao va ny *feo,* ny *fidoboka,* ny *fitefoka,* ny *fipoaky* ny tafondro. —de la grosse caisse. *Faneno, fidoboky* ny ampongabe. Le — de la foule m'empêche de vous entendre. Ny *fihahohahon'*ny vahoaka no tsy andrenesako anao.—des pas d'un cheval. *Fikatrokatroka, fitatatatan'*ny soavaly. —d'un soufflet de forge. *Fifofofofon'* ny tafoforana. —des ailes d'un oiseau. *Fisasasasan'* ny vorona. — d'une étoffe qu'on déchire. *Fitsatsiaky* ny lamba triarina. Le — d'une scie. Ny *firiadriatry* ny tsofa. Le — du tonnerre. Ny *firiadriatra, fikotrokotroky* ny varatra. Le — d'une cascade. Ny *fikotrokotroka,* ny *figororoana,* ny *fitrenany* ny riana. 2°—, Fitabatabana, tabataba, fikorontanana. Il y a eu du — dans la province. Nisy *fitabatabana,* etc., amy ny fari-tany. 3°—, Tsaho. Le — est faux. Tsy marina ny *tsaho.* 4°—, Fanehoeho, haresaka, rehareha. Ses actions font du — dans le monde. *Manehoeho, maresaka* hatraiza hatraiza ny lazan' ny nataony. Il marche toujours à grand —. Mampiseho *rehareha* mahagaga isaka ny mandeha izy.

BRÛLANT, ANTE, *adj.* 1° Mafana dia mafana, mahamay, migaingaina, midaindaina, mangotraka. Climat —. Tany *mafana dia mafana.* Le soleil est —. *Mafana dia mafana, mahamay, migaingaina, midaindaina* ny hainandro. Il a une fièvre brûlante. *Mahamay, mangotrakotraky* ny tazo ny tenany. 2° *fig.* Mirehitra, may, marisika, mavitrika. Il est — d'amour. *Mirehi*-pitiavana, *main'* ny fitiavana izy. Il

est tout — d'ardeur. *Mavitrika* dia mavitrika, *marisika* dia marisika izy.

BRÛLÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Voadoro, nodoroana, voalotra, nodorana, may, voaendy, nendasina, maimay, kilakila. Mets —. Nahandro *maimay, kilakila.* 2° —, Maina, mivalomainty, mirehidrehitra, maimay. 3° *fig.* Fotsy hevitra. C'est un cerveau —. *Fotsy hevitra* izy.

—, *sm.* Erona, raikona, lotra. La viande sent le —. Maimbo *erona*, etc., ny hena.

BRÛLE-POURPOINT (À), *loc. adv.* Voy. POURPOINT.

BRÛLER, *va.* 1° Mandoro, mandótra, mahamay, manendy, mitaina. Mon ennemi a brûlé ma maison. Ny fahavaloko *nandoro, nandotra* ny tranoko. Il brûle le café. *Manendy* kafé izy. Cette étincelle m'a brûlé à la main. Io kilalaon' afo io *nandoro*, *nandotra, nahamay* ny tánako. Il brûle du bois. *Mitaina* kitay hazo izy. 2° —, Manamaina, mampivalomainty, mampirehidrehitra, mahamaimay. Le soleil a brûlé les plantes. *Nanamaina* ny zava-maniry ny hainandro. Le soleil lui a brûlé le teint. *Nampivalomainty* azy ny hainandro. Le rhum me brûle l'estomac. Ny toaka *mandoro, mampirehidrehitra*, *mahamaimay* ny ambavafoko. || *loc.* — ses vaisseaux. Tongotra mby an-dakana. — la chandelle par les deux bouts. Mitevy fananana. — la cervelle à quelqu'un. Mitifitra olona antomotra ka mahavaky ny lohany. Ce cheval brûle le pavé. Miriotra dia miriotra io soavaly io.

—, *vn.* 1° Mirehitra, may, mafana dia mafana. La maison brûle. *Mirehitra, may* ny trano. La bougie brûle. *Mirehitra* ny labozy. Ses mains brûlent. *Mafana dia mafana* ny tánany. Le rôti brûle. *May* ny tonon-kena. 2° *fig.* Mirehitra, maniry dia maniry. Il brûle de jalousie. *Mirehitry* ny fialonana izy. Il brûle de vous voir. *Maniry dia maniry* te-hahita anao izy.

Se brûler, *vpr.* Mitono tena, mandoro tena, may. Les papillons se brûlent à la chandelle. *Mitono tena, mandoro tena* amy ny jiro ny lolo. Il s'est brûlé à la main. *May* ny tánany.

BRÛLURE, *sf.* Main' ny afo. Mettez un remède à cette —. Asio fanafody io *main' ny afo* io.

BRUME, *sf.* Tongo-javona, zavona.

BRUMEUX, EUSE, *adj.* Manjavona.

BRUN, UNE, *adj.* et *s.* Manja, mavo, matroka, vasoka. Vache brune. Reniomby *manja, mavo.* Visage —. Tarehy *matroka, vasoka.*

—, *sm.* Loko manja, — mavo.

BRUNÂTRE, *adj.* Manjamanja, mavomavo, matromatroka, vasobasoka.

BRUNE, *sf.* Takariva. A la — ou sur la —. Raha *takariva.*

BRUNET, ETTE, *s.* Olona matromatroka endrika.

BRUNIR, *va.* Manamanja, manamavo, manamatroka, manavasoka. — une voiture. *Manamanja, manamavo* kalesy. Le soleil brunit le teint. *Manamatroka, manavasoka* ny tarehy ny masoandro.

—, *vn.* Mihamanja, mihamavo, mihamatroka, mihavasoka.

Se brunir, *vpr.* Mihamanja, mihamavo, mihamatroka, mihavasoka.

BRUSQUE, *adj.* 1° Saro-po. 2° —, Tampoka.

BRUSQUEMENT, *adv.* 1° An-kasarotam-po. Répondre —. Mamaly *an-kasarotam-po.* 2° —, Tampoka. L'ennemi nous attaqua —. Ny fahavalo namely anay *tampoka, nanampoka* anay.

BRUSQUER, *va.* 1° Miteny an-kasarotam-po, manao teny tsy tsaroana. Il brusque tout le monde. *Miteny an-kasarotam-po,* etc., amy ny olona rehetra izy. 2° —, Manao tampoka. Il a brusqué son départ. Nandeha *tampotampoka* izy.

BRUSQUERIE, *sf.* Hasarotam-po.

BRUT, UTE, *adj.* 1° Akora, tsy voavoatra. Argent —. *Akoram*-bolafotsy. Diamant —. Diamondra *tsy voavoatra.* 2° —, Ambangovango. Cet ouvrage est encore tout —. Mbola *ambangovango* hiany ity boky ity. 3° —, Tena. Produit —. *Tena* vokatra, *tena* vidim-bokatra. 4° *fig.* Tonendrina, taraiky. Il a un caractère —. *Mitonendrina, mitaraikiraiky* izy.

BRUTAL, ALE, *adj.* Momba ny biby. Il suit ses appétits brutaux. Manaraka ny filan-dratsy hoatry *ny biby* izy.

—, *adj.* et *s.* Saro-po, masiaka, lozabe. C'est un homme —, un —. *Saro-po,* etc., izy.

BRUTALEMENT, *adv.* An-kasarotam-po, an-kasiahana, an-kalozana.

BRUTALISER, *va.* Manao an-kasarotam-po, masiaka, loza. Il brutalise tout

le monde. *Manao an-kasarotam-po,* etc., amy ny olon-drehetra izy.

BRUTALITÉ, *sf.* Hasarotam-po, hasiahana, halozana.

BRUTE, *sf.* 1° Biby. 2° *fig.* Tsy manantsaina, tena biby.

BRUYANT, ANTE, *adj.* Maresaka, miraondraona, maharenina, tsy ifandrenesana, mihorakoraka, mitabataba, be tabataba. Fanfare bruyante. Mozika *maresaka, miraondraona.* Ecoliers bruyants. Sekoly *maharenina, tsy ifandrenesana, mihorakoraka, mitabataba.* Rue bruyante. Araben-dálana *be tabataba.*

BRUYÈRE, *sf.* Anjavidy.

BUANDERIE, *sf.* Trano fandomandamba amy ny ranon-davenona.

BUÀNDIÈRE, *sf.* Vehivavy mpandona lamba amy ny ranon-davenona.

BUBON, *sm.* Mivonto, hanatra.

BUCCAL, ALE, *adj.* Amy ny vava.

BÛCHE, *sf.* 1° Vakin-kitay hazo, tapakitay hazo. 2° *fig.* Bakakan' olona, ketrina.

BÛCHER, *sm.* 1° Antontan-kitay hazo. 2°—, Antontan-kitay hazo andoroampaty na olo-meloka.

BÛCHER, *vn.* Miasa fatratra, milozoka, mitantsika.

BÛCHERON, *sm.* Mpikapa hazo.

BÛCHETTE, *sf.* Tapatapa-kazo, vakivakin-kitay hazo.

BUDGET, *sm.* Toetry ny vola miditra sy mivoaka isan-taona.

BUFFET, *sm.* 1° Lalomoara fampirimana ny fomban-databatra. 2°—, Latabatra ametrahan-kanina. 3°—, Vata fitoeran' ny organa.

BUFFLE, *sm.* Karazan' ombimanga.

BUIS, *sm.* Hazo kely mafy.

BUISSON, *sm.* Hery na hazo kely madinika milobolobo. Un — de roses. Foto-draozy *milobolobo.*

BUISSONNEUX, EUSE, *s.* Be hery milobolobo.

BUISSONNIER, IÈRE, *adj.* 1° Miery anaty hery milobolobo. 2° *fig.* Cet élève fait souvent l'école buissonnière. Manary fianarana matetika io mpianatra io.

BULBE, *sf.* Vodin-java-maniry mitovy amy ny vody tongolo. — de dahlia. *Vody* dalia.

BULBEUX, EUSE, *adj.* Mamody. Plante bulbeuse. Zava-maniry *mamody.*

BULLE, *sf.* 1° Tapoaka, poaka. — de salive. *Tapoa*-drora, *poa*-drora. — de savon. *Tapoa*-tsavony. 2° —, Taratasy ampitondrain' ny Papa.

BULLETIN, *sm.* 1° Taratasy filokana. Son — porte le nom de Paul. Izy nifidy any Paoly tamy ny *taratasy filokana.* 2°—, Taratasy filazana ny atao isan' andro.

BURE, *sf.* Lopótra mahery volo.

BUREAU, *sm.* 1° Latabatra fanoratana. 2°—, Trano fanaovan-draharaha. 3° —, Olona maro voafidy mba hiara-mandinika zavatra anankiray.

BURETTE, *sf.* Tamaboha.

BURIN, *sm.* Vý fisokirana.

BURINER, *va.* 1° Misokitra metaly. 2° *fig.* Manoratra tsara dia tsara.

BURLESQUE, *adj.* Be hatsikana loatra, valavala, mampihomehy, hafahafa. Style —. Laha-teny *be hatsikana loatra,* etc. Accoutrement —. Fitafiana *mampihomehy, hafahafa,* fitafian' adala.

—, *sm.* Laha-teny be hatsikana loatra.

BURLESQUEMENT, *adv.* Be hatsikana loatra, etc.

BUSE, *sf.* 1° Fanindry, hindry. 2° *fig.* Donto saina, tonendrina, bakakan' olona, ketrina.

BUSTE, *sm.* 1° Tenabe. 2°—, Sarin' ny tenaben'olona ambony.

BUT, *sm.* 1° Ny kendrena, tigetra. Il a frappé au—. Nahavoa *ny nokendrena,* ny *tigetra* izy. 2°—, Ny kasaina, farany, antony. Il est arrivé à son—. Tonga tamy ny *nokasainy* izy. La gloire est le—de tous ses efforts. Ny voninahitra no *farany, antony* ikelezany aina.

De but en blanc, *loc. adv.* Tsy misy antony. Il m'a attaqué de—. Namely ahy *tsy misy antony* izy.

BUTER (SE), *vpr.* **Etre buté,** 1° Mifanditra, mifanjihitra. Ils se sont butés l'un contre l'autre. *Nifanditra, nifanjihitra* izy ireo. 2°—, Mikiribiby, milozoka. Il est buté à cela. *Mikiribiby* amin' izany izy. Il se bute au travail. *Milozoka* amy ny asa izy.

BUTIN, *sm.* 1° Babo. 2° *fig.* Remby, haza. Les fourmis transportent leur—. Ny vitsika mitatitra ny *rembiny,* ny *hazany.*

BUTINER, *vn.* 1° Mamabo. 2° *fig.* Mi-

remby, mihaza. Les abeilles butinent sur les fleurs. *Miremby* amy ny voninkazo ny renitantely.

BUTOR, *sm.* 1° Karazam-borona. 2° *fig.* Adala, tonendrina.

BUTTE, *sf.* 1° Bongon-tany, kiborin-tany, ongonongon-tany. 2° *fig.* Il est souvent en—à la calomnie. Endrikendrehina matetika izy.

BUTTER, *va.* Manototra. —un arbre. *Manototra* vody hazo.

—, *vn.* Tafintohina. Ce cheval butte à chaque pas. *Tafintohina* matetika io soavaly io.

BUVABLE, *adj.* Azo sotroina.

BUVARD, *sm.* Bokin-taratasy fanamainan-tsoratra.

BUVETTE, *sf.* Trano fivarotan-divay an-tsinjara.

BUVEUR, EUSE, *s.* Mpisotro, mpigoka, mpiboboka. Voy. BOIRE.

BUVOTER, *vn.* Misotro tsikolikely.

C

ÇA (pour cela), Izany, ity, io. Prenez—. Raiso *izany, ity, io.*

Çà et là, de çà et de là, *loc. adv.* Atsý arý. Errer çà et là, de çà et de là. *Mankatsý mankarý,* mivezivezy.

ÇÀ! *int.* Adre! edre! Ah—! travaillez! *Adre! edre!* miasà!

CABALE, *sf.* 1° Fivoasana ny Testamenta taloha nataon' ny Jody taty aoriany Jeso-Kristy. 2°—, Famohazana angatra. 3°—, Firaisan-tetika, teti-dratsy, flokoana.

CABALER, *vn.* Miray tetika, mioko.

CABALISTIQUE, *adj.* 1° Momba ny fivoasana ny Testamenta Taloha nataon' ny Jody. 2°—, Momba ny famohazana angatra.

CABANE, *sf.* Trano bongo, trano tomboka.

CABARET, *sm* Trano fivarotan-divay an-tsinjara.

CABARETIER, IÈRE, *s.* Mpivarotra divay an-tsinjara.

CABAS, *sm.* Harona.

CABESTAN, *sm.* Milina fampakarana na fitarihana zavatra mavesatra.

CABINE, *sm.* Efi-trano kely amy ny sambo.

CABINET, *sm.* 1° Efi-trano. —de travail. *Efi-trano* fanoratana. — de bains. *Efi-trano* filomana.— de lecture. *Efi-trano* famakiam-boky.— des médailles. *Efi-trano* fitahirizana medaly. 2°—, Garaba, trano kely, trano fivoahana. Comme LATRINES. 3°—, Kabinetra, ny ministra. L'affaire a été portée au— anglais. Ny raharaha natolotra tamy ny *kabinetra, ministra* englisy.

CÂBLE, *sm.* Mahazaka makadiry.

CABOCHE, *sf.* Loha. Il s' est cogné la —contre le mur. Nigóna tamy ny rindrina ny *lohany.*

CABOTAGE, *sm.* Fanarahan-tsisina amy ny sambo.

CABOTER, *vn.* Manara-tsisin-dranomasina amy ny sambo.

CABOTEUR, *sm.* Mpanara-tsisina amy ny sambo.

CABOTIER, *sm.* Sambo manara-tsisina.

CABRER (SE), *vpr.* 1° Mitsangana, mitroatra. Ce cheval est sujet à se—. Io soavaly io *mitsangana,* etc, indraindray. 2° *fig.* Tezitra. Il se cabre au moindre mot. *Tezitra* izy raha tenenina kely foana.

CABRI, *sm.* Zanak' osy, vantotr'osy.

CABRIOLE, *sm.* Tsimbadika, fisavoana, fiantsambotra.

CABRIOLER, *vn.* Mitsimbadika, misavoana, miantsambotra.

CABRIOLET, *sm.* Kalesy maivana.

CACATOIS, *sm.* Karazam-boloky.

CACHE, *sf.* Fierena, fiafenana, fisitrihana, fampierena, fanafenana, fanitrihana.

CACHÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Miery, voafina, nafenina, miafina, voasitrika, nasitrika, misitrika, mifonoka. Il y a quelque piège—. Misy fandrika *nafenina, miafina,* mitoto-bozaka. Il se tient—chez lui. *Miery, miafina, misitrika, mifonoka* ao an-tranony izy. Il est en proie à une douleur cachée. Hontsan' ny ala-

helo *miafina* izy. 2°—. Takona, notakonana, voasarona, nosaronana, misarona. Les bœufs sont cachés par la montagne. *Takon*'ny tendrombohitra ny omby. 3° *fig*. Manafin-kevitra, manao an-kifonofono, manao am-po. C'est un esprit—. *Manafin-kevitra*, etc., izy.

CACHE-CACHE, *sm*. Fanalam-piery, alam-piery.

CACHE-NEZ, *sm*. Fehin-tenda.

CACHER, *va*. 1° Mampiéry, manafina, manitrika.— un esclave fugitif. *Mampiery, manafina* andevo mileña.—de l'argent. *Manafina, manitri*-bola. 2°—, Manakona, manarona. Des nuages cachent le soleil. Misy rahona *manakona* ny masoandro.— un tableau. *Manakona*, etc., sary. 3° *fig*. Manafina, mandevina.— sa colère. *Manafina* ny hatezerany.— ses talents. *Manafim*-pahaizana, *mandevin*-tsaina.

Se cacher, *vpr*. Miery, miafina, misitrika. Se—dans les bois. *Miery*, etc., ao anaty ala.

CACHET, *sm*. 1° Fitomboka, tombo-kasé, kasé, loko fady. Il apposa son—sur la lettre. Nanisy ny *fitombony* tamy ny taratasy ampitondraina izy. Le—a été rompu. Nesorina ny *tombo-kasé*, ny *kasé*, ny *loko fady*. 2° *fig*. Fomba. Son style a un—particulier. Azy irery izany *fomba* fandaharan-teny izany.

CACHETER, *va*. Manisy fitomboka,—tombo-kasé,— kasé, mandoko taratasy. Cire à—. Loko fanaovan-*kasé*. Pain à—. *Loko* rora

CACHETTE, *sf*. Fierena, fiafenana, fisitrihana, fampierena, fanafonana, fanitrihana.

En cachette, *loc. adv*. An-takona, antatakonana, an-tsokosoko.

CACHOT, *sm*. Tranomaizina.

CACOPHONIE, *sf*. Tsy fifanaraham-[peo.

CACTUS, *sm*. Raiketra, tsilo.

CADAVÉREUX, EUSE, *adj*. Miendri-paty, hatsatra, maimbo faty, mifofompaty. Face cadavéreuse. Tarehy *miendripaty, hatsatra*. Il s'exhale de ce marais une odeur cadavéreuse. Misy *maimbo faty, mifofom-paty* ity honihony ity.

CADAVRE, *sm*. Faty. Le champ de bataille était couvert de cadavres. Fototry ny *faty* ny tany niadiana.

CADEAU, *sm*. Kadó, fanatitra, falimpo, fankasitrahana, valim-pitia.

CADENAS, *sm*. Kadanà.

CADENASSER, *va*. Manidy amy ny kadanà.

CADENCE, *sf*. 1° Fanarahana bá. Danser en—. *Manara-bá* amy ny danisé. 2°—, Filaharana, filaminana, firindra.

CADENCER, *va*. 1° Manara-bá. 2°—, Mandahatra, mandamina, mandrindra. —ses phrases. *Mandahatra*, etc., ny fehezan-teniny.

CADET, ETTE, *adj*. et *s*. Zandry.

CADRAN, *sm*. Bakolim-pamantaranandro, tavam-pamantaranandro, famantaranandro. —solaire. *Famantaranandro* aloka.

CADRE, *sm*. 1° Tranom-pitaratra, tranon-tsary. 2° *fig*. Fotopototry ny laha-teny.

CADRER, *vn*. Mifanaraka. La réponse ne cadre pas avec la demande. Tsy *mifanaraka* amy ny fanontaniana ny valiny.

CADUC, UQUE, *adj*. 1° Reraka, antitra. Vieillard—. Anti-dahy *reraka*. Maison caduque. Trano *antitra*. || Mal caduc. Androbe. 2°—, Foanana. Donation caduque. Fanomezana *foanana*.

CADUCITÉ, *sf*. 1° Faharerahana, fahanterana. 2°—, Hafoanana.

CAFARD, ARDE, *s*. Mpihatsaravela-[tsihy.

CAFÉ, *sm*. Kafé.

CAFÉIRIE ou **CAFÉIÈRE,** *sf*. Taninkafé.

CAFÉIER, *sm*. Foto-kafé, kafé.

CAFETIÈRE, *sf*. Kafitera.

CAGE, *sf*. 1° Tranom-borona, tranom-biby d.a. 2° *fig*. Etre en—. Ao an-tranomaizina.

CAGNEUX, EUSE, *adj*. Miady lohalika.

CAHIER, *sm*. Boky fanoratana.

CAHOT, *sm*. Fiantraika, fiantontona.

CAHOTAGE, *sm*. Fiantraitraika, fiantontontontona.

CAHOTER, *vn*. Miantraitraika, miantontontontona. Cette voiture cahote. *Miantraitraika*, etc., io kalesy io.

—, *va*. 1° Mampitontontontona. Cette voiture nous a cahotés. *Nampitontontontona* anay io kalesy io. 2° *fig*. Mamezivezy, mampitotototo. La fortune l'a cahoté. *Navezivezy, natolotelon*'ny vintanadratsy izy.

CAHUTE, *sf*. Trano bongo, trano tomboka.

CAILLE, *sf*. Papelika, kibobo.

CAILLÉ, *sm*. Ronono mandry.

CAILLER, *va.* Mampandry, mampivongana.

Se cailler, *vpr.* Mandry, mivongana. Le lait s'est caillé. *Mandry* ny ronono. Le sang se caille. *Mandry,* etc., ny ra.

CAILLETTE, *sf.* Vavonin-kena.

CAILLOT, *sm.* Vongan-dra.

CAILLOU, *sm.* Vatokilonjy.

CAIMAN, *sm.* Mamba, voay.

CAISSE, *sf.* 1° Vata, kesika. 2°—, Lalomoara vy, vola ao anaty lalomoara vy. 3°—, Langorony, amponga. Battre la—. Mively *langorony.* Grosse—. *Ampongabe.*

CAISSIER, *sm.* Mpitahiry vola ao amy ny lalomoara vy.

CAJOLER, *va.* Manolikoly, manojikojy, manejokejo, manambitamby, manangoly, mamono botretra.

CAJOLERIE, *sf.* Kolikoly, kojikojy, kejokejo, tambitamby, angoly.

CAJOLEUR, EUSE, *s.* Mpanolikoly, mpanojikojy, mpanejokejo, mpanambitamby, mpanangoly, mpamono botretra.

CAL, *sm.* Kitro. Il a des cals aux mains. Misy *kitro* ny tánany.

CALAISON, *sf.* Filentehan' ny sambo noho ny havesatry ny entana.

CALAMITÉ, *sf.* Loza, antambo, voina, loza aman'.antambo.

CALAMITEUX, EUSE, *adj.* Be loza, be voina. Temps—. Taona *be loza,* etc.

CALCAIRE, *adj.* Misy sokay.

CALCINER, *va.* Mandoro vato sokay, mandoro.

Se calciner, *vpr.* Manjary sokay, dorana.

CALCUL, *sm.* 1° Fiafia. 2°—, Fanisána, marika. Se tromper dans un—. Diso *fanisa.* Il apprend le—. Mianatra *marika* izy. 3° *fig.* Fiheverana, fandinihana, fikasana. Cela n'entre pas dans mes calculs. Tsy anisan' ny zavatra *noheveriko, nodinihiko, nokasaiko* izany.

CALCULABLE, *adj.* Azo isáina.

CALCULATEUR, *sm.* Mpanisa, mpanao marika.

—, *adj.* Mpihevitra, mpandinika.

CALCULER, *va.* 1° Manisa, manao marika. 2° *fig.* Mihevitra, mandinika. Il n'a pas calculé les conséquences de cette action. Tsy *noheveriny, nodinihiny* ny hiafaran' izany nataony izany.

CALE, *sf.* 1° Kaká, tsikalana. Mettez des cales sous la caisse. Asio *kaka,* etc., ao ambanin' ny vata. 2° —, Eftra ambany amy ny sambo, lakály.

CALEBASSE, *sf.* Voatavo arivolahy, voatavo.

CALÈCHE, *sf.* Kalesy.

CALEÇON, *sm.* Kalisaonina.

CALEMBOUR, *sm.* Ankamantatra, ankanonona, fampanonona.

CALENDES, *sf. pl.* 1° Andro voalohan'ny volana romana. ‖ *loc.* L'affaire a été renvoyée aux calendes grecques. Tsy hatao na oviana na oviana izany rahararaha izany, navela ho amy ny herin' ny zato zomá ho avy izany.

CALENDRIER, *sm.* Alimanáká.

CALEPIN, *sm.* Boky kely fitadidiana.

CALER, *va.* Manisy kaka, manakaka, manisy tsikalana, manatsikalana. Calez le pied de la table. *Kakao, tsikalano* ny tongo-databatra.

—, *vn.* Milentika. Le navire cale trop. *Milentika* loatra ny sambo.

CALFATAGE, *sm.* Fanentsenana ny loaka na ny mihataka amy ny sambo.

CALFATER, *va.* Manentsina ny loaka na ny mihataka amy ny sambo.

CALFEUTRAGE, *sm.* Fanentsenana ny loaka rehetra amy ny varavarana.

CALFEUTRER, *va.* Manentsina ny loaka rehetra amy ny varavarana.

Se calfeutrer, *vpr.* 1° Manentsina ny loaka rehetra amy ny varavarany. 2° *fig.* Mihiboka, mifahy.

CALIBRE, *sm.* 1° Ny halehibiazan' ny aty tafondro na basy, halehibiazan' ny bala. 2° *fig.* Toetra, lanja. Ils ne sont pas tous deux de même—. Tsy mitovy *toetra,* etc., izy roa lahy.

CALICE, *sm.* 1° Kalisy, kapoaka masina. 2° *fig.* Boire le— jusqu'à la lie. Miaritra faboriana hatramy ny farany.

CALICOT, *sm.* Somizy.

CALIFOURCHON (À), *loc. adv.* Antsampy, antsangory. Il est à — sur le mur. *Miantsampy* eny ambony ampiantany izy. Le père portait son enfant à — sur son épaule. Nanao *antsangory* an-janany rainy.

CÂLIN, INE, *s.* et *adj.* Mpanolikoly. Comme CAJOLEUR.

CÂLINER, *va.* Manolikoly. Comme CAJOLER.

Se câliner, *vpr.* Miahy tena loatra, mikonetaka.

CÂLINERIE, *sf*. Kolikoly. Comme CAJOLERIE.

CALLEUX, EUSE, *adj*. Kitroina. Il a les mains calleuses. *Kitroina* ny tànany.

CALLIGRAPHE, *sm*. Mpanoratra mahay.

CALLIGRAPHIE, *sf*. Fahaizan-tsoratra.

CALLOSITÉ, *sf*. Kitro.

CALMANT, ANTE, *adj*. Manaketraka, mahaketraka.

—, *sm*. Fanafody manaketraka.

CALME, *adj*. Tony, maotona, mandry, miadana, mandry fe-izay. Jour—. Andro *tony, maotona*. Mer—. Ranomasina *tony, mandry*. Mon esprit est—. *Miadana, mandry fe-izay* ny saiko.

CALME, *sm*. Fitony, fandry, fiadanana, fandriana fe-izay Un—plat nous empêcha d'avancer. Ny *fitonin'* ny ranomasina no nisakana anay tsy handroso. Le—règne dans le pays. *Mandry, miadana, mandry fe-izay* ny tany.

CALMER, *va*. Mampitony, mampiononana, manaketraka, manalefaka, mampiadana.—les esprits *Mampiononа, mampiadana* ny sain'olona. Comme APAISER.

Se calmer, *vpr*. Mitony, mionona, mihaketraka, mihalefaka. Sa fureur se calme. *Mitony*, etc., ny hatezerany.

CALOMEL, *sm*. Kalamelona.

CALOMNIATEUR, TRICE, *s*. Mpanendrikendrika, mpanoso-dratsy, mpanoso-potaka.

CALOMNIE, *sf*. Fanendrikendrehana, endrikendrika, hoso-dratsy, hoso-potaka, fametavetana.

CALOMNIER, *va*. Manendrikendrika, manoso-dratsy, manoso-potaka, mametaveta, manendry ratsy.

Se calomnier, *vpr*. Manetry tena.

CALOMNIEUSEMENT, *adv*. Am-panendrikendrehana. Ce crime lui a été imputé—. *Endrikendrika* hiany no niampangana azy tamin' izany heloka izany.

CALOMNIEUX, EUSE, *adj*. Misy endrikendrika. Discours—. Teny *misy endrikendrika*.

CALORIFÈRE, *adj*. Mamindra hafanàna. Tuyau—. Fantsona *famindrana hafanàna*.

—, *sm*. Fatam-by.

CALORIFIQUE, *adj*. Miteraka hafanàna.

CALORIQUE, *sm*. Hafanàna.

CALOTTE, *sf*. 1° Satro-bory. 2°—, Tahamaina.

CALOTTER, *va*. Manisy tahamaina.

CALQUE, *sm*. 1° Sary nalain-tahaka. 2°—, Boky na laha-teny nalain-tahaka.

CALQUER, *va*. 1° Maka tahaka sary, mikopia sary. 2° *fig*. Maka tahaka. Tout dans cet ouvrage est calqué. *Nalain-tahaka* tamy ny boky hafa avokoa ny zavatra rehetra amin' io boky io.

CALUMET, *sm*. Pipa lavabe.

CALVAIRE, *sm*. Kalivery.

CALVITIE, *sf*. Hasolana.

CAMAIL, *sm*. Kamaily.

CAMARADE, *sm*. Namana. Il a été mon — d' école. *Namako* fony nianatra izy.

CAMARADERIE, *sf*. Fifankazarana.

CAMARD, ARDE, *adj*. et *s*. Petaka orona. Il a le nez —. *Petaka orona* izy.

CAMBRÉ, ÉE, *p*. Vokoka, navokoka, voahantsika, tafahantsika, nahantsika; voalantsika, nalantsika.

CAMBRER, *va*. Manokoka, manantsika, mandantsika.

Se cambrer, *vpr*. Vokoka, mihantsika, milantsika.

CAMBRURE, *sf*. Vokoka, fihantsika, filantsika.

CAMBUSE, *sf*. Efi-trano fizarana-kanina eny an-tsambo.

CAMBUSIER, *sm*. Mpizara hanina eny an-tsambo.

CAMÉLÉON, *sm*. 1° Tana. 2° *fig*. Mpivadibadika.

CAMION, *sm*. Sarety iva fitaterana entana.

CAMISOLE, *sf*. Akanjo lobaka. ‖ — de force. Akanjo fampitondra ny olona adala.

CAMOUFLET, *sm*. Fanesoana. Donner un—. *Maneso*.

CAMP, *sm*. 1° Lasy, toby. 2° *fig*. Andany. Les élèves sont divisés en deux camps. *Mifampiandany* ny mpianatra.

CAMPAGNARD, ARDE, *adj*. et *s*. 1° Ambanivohitra. 2° *fig*. Ambanivohitra, dondrina. Il a des manières campagnardes. Tena *ambanivohitra*, etc., izy.

CAMPAGNE, *sf*. 1° Ny any an-tsaha, ny any ambanivohitra, saha. La— est belle. Mahafinaritra *ny any an-tsaha*. Il est allé à la—. Lasa any an-*tsaha*, any *ambanivohitra* izy. Il a acheté une—. Nividy *saha* anankiray izy. 2° *fig*. Fanafihana, fandehanana, fivahiniana. Un

a fait trois campagnes contre les Sakalaves. *Notafihina* in-'elo ny Sakalava. L'armée s'est mise en—. Lasa *nanafika* ny miaramila. Il s'est mis en — pour espionner l'ennemi. *Lasa* nitsikilo ny fahavalo izy. Il est a'lé en—. Lasa *nanafika, nivahiny* izy. ‖ *loc*. Pièce de—. Tafondro mandeha. Battre la —. Very saina, miredirady.

CAMPÈCHE, *sm*. Hazo fanaovana soka.

CAMPEMENT, *sm*. Filasiana, fitobiana, lasy, toby.

CAMPER, *vn*. 1° Milasy, mitoby. L'ennemi vint—près de la ville. *Nilasy, nitoby* tao akaikin'ny tanána ny fahavalo. 2° *fig*. Mijanona kely foana, mandalo.

—, *va*. 1° Mampilasy, mampitoby. Il campa son armée sur la montagne. *Nampilasy, nampitoby* ny miaramilany teo antendrombohitra izy. 2° *fig*. —là quelqu'un. Mamela olona hihitsoka irery.

Se camper, *vpr*. 1° Milasy, mitoby. 2° *fig*. Misoketraka. Il s'est campé sur un fauteuil. *Nisoketraka* tamy ny sezabe izy.

CAMPHRE, *sm*. Kamifaoro.

CAMPHRÉ, ÉE, *adj*. Misy kamifaoro. Eau-de-vie camphrée. Toaka *misy kamifaoro*.

CAMPHRER, *va*. Manisy kamifaoro.

CAMPHRIER, *sm*. Ravintsara.

CAMUS, USE, *adj*. et *s*. Comme CANARD.

CANAILLE, *sf*. Tsaikan' olona, fakon' olona, karilahy.

CANAL, *sm*. 1° Lakan-drano, lahin-drano, tatatra.—d'irrigation. *Lakan-drano, lahin-drano* fanondrahana, *tatatra*.—de navigation. *Lakan-drano* andehanan' ny sambo. 2°—, Mason' ony, mason-drano. Le Betsiboka a un large—. Lehibe ny ny *mason' oniny* Betsiboka. 3°—. Lálana. Le—de la respiration. Ny *lálan*-drivotra. Le—alimentaire. Ny *lálan* kanina. 4° —, Andilan-dranomasina. Le—du Mozambique. Ny *andilan-dranomasina* Masombika. 5° *fig*. Fahazoana, lakan-drano. C'est par son—que j'ai obtenu une récompense. Izy no *nahazoako* valisoa. Il est le—de toutes les grâces. Izy no *lakan-dranon'* ny fahasoavana rehetra.

CANALISABLE, *adj*. Azo anaovana lakan-drano.

CANALISATION, *sf*. Fanaovana lakandrano.

CANALISER, *va*. Manao lakan-drano; manamboatra renirano na ony ho azon' ny sambo aleha.

CANAPÉ, *sm*. Sófa.

CANARD, *sm*. 1° Vorombazaha, ganagana ‖ —sauvage. Angaka. —sauvage ressemblant à la sarcelle. Tahia. 2° *fig*. Angano. Je lui ai fait avaler un—. Nampinoiko *angano* izy . 3°—, Figiaka. La clarinette a fait un—. *Nampigiaka* ny kilarinety ny mpitsoka azy.

CANARDER, *va*. M tifitra an-takona.

CANARDIÈRE, *sf*. Basim-borona lava.

CANCAN, *sm*. Ketsoketso, fosafosa.

CANCANER, *vn*. Miketsoketso, mahay vava, mifosafosa.

CANCANIER, IÈRE, *s*. Olona ketsoketso, — mahay vava, mpifosafosa.

CANCER, *sm*. Fery mihady.

CANCÉREUX, EUSE, *adj*. Hoatry ny fery mihady.

CANCRE, *sm*. 1° Fozan-dranomasina. 2° *fig*. Kahihitra. 3°—, Mpianatra kalaina.

CANCRELAS, *sm*. Jaraingiraingy, kalabo.

CANDÉLABRE, *sm*. Fanaovan-jiro maro rantsana.

CANDEUR, *sf*. Hatsoram-pó.

CANDI, *adj*. Voadio tsara, mivongana. Sucre—. Siramamim-bazaha *voadio tsara*, etc.

CANDIDAT, *sm*. Olona mangataka raharaha na voninahitra.

CANDIDATURE, *sf*. Fangatahana raharaha na voninahitra. Il a posé sa — à la députation. *Nangataka* ho solombavam-bahoaka izy.

CANDIDE, *adj*. Tso-pó.

CANDIDEMENT, *adv*. Am-pahatsorana.

CANE, *sf*. Vorombazahavavy.

CANETTE, *sf*. Kanety.

CANEVAS, *sm*. 1° Lamba makarakara hanaovana zaitra misoratsoratra. 2° —, Foto-teny, fotopototra.

CANGUE, *sf*. Boloky.

CANICHE, *s*. et *adj*. Alika kely lava volo. Comme BARBET.

CANICULAIRE, *adj*. Migaingaina. Jours caniculaires. Andro *migaingaina*.

CANICULE, *sf*. Andro migaingaina.

CANIF, *sm*. Antsipika, penefo.

CANIN, INE, *adj*. Hoatry ny any ny alika. || *loc*. Dents canines. Ombalahinify. Dents canines des animaux. Vangy. Qui a une faim canine. Noana mifezafeza.

CANNE, *sf*. Tehina. Porter une — à la main. *Mitehina*, mitondra *tehina*. || — à sucre. Fary.

CANNELÉ, ÉE, *adj*. Misy torihisatra.

CANNELER, *va*. Manisy torihisatra.

CANNELLE, *sf*. Hodi-kazomanitra.

CANNELLE ou **CANNETTE,** *sf*. Tsiririm-barika.

CANNELLIER, *sm*. Hazomanitra.

CANNELURE, *sf*. Torihisatra, mitsoriadriaka miavomiva. Comme STRIES.

CANNIBALE, *sm*. 1° Olona mihinana olona. 2° *fig*. Olo-masiaka.

CANON, *sm*. 1° Tafondro. 2°—, Volobe. — de fusil. *Volobem*-basy.

CANON, *sm*. Didin'ny Eglizy. Conforme aux canons. Araka ny *didin'ny Eglizy*. Droit—. Fahaizana momba ny *didin' ny Eglizy*. || *loc*. Le— des Ecritures. Ny boky rehetra ataon'ny Eglizy ho isan'ny Soratra Masina.—de la messe. Kanona.

CANONICAT, *sm*. Fiambonian' ny *Chanoine*.

CANONIQUE, *adj*. Araka ny didin'ny Eglizy, ataon' ny Eglizy ho isan' ny Soratra Masina. Les livres canoniques. Ny boky rehetra *ataon' ny Eglizy ho isan' ny Soratra Masina*.

CANONIQUEMENT, *adv*. Araka ny didin'ny Eglizy.

CANONISATION, *sf*. Fanangànana ho Olo-masina.

CANONISER, *va*. Manangana ho Olo-masina.

CANONISTE, *sm*. Mpahay ny didin' ny Eglizy.

CANONNADE, *sf*. Fanaovana rero amy ny tafondro, fandefasana tafondro im-betsaka.

CANONNER, *va*. Mitifitra amy ny tafondro. — une ville. *Mitifitra* tanàna anankiray *amy ny tafondro*.

Se canonner, *vpr*. Mifampitifitra amy ny tafondro.

CANONNIER, *sm* Rainiolona.

CANONNIÈRE, *sf*. et *adj*. Salopy misy tafondro. Chaloupe —. *Salopy misy tafondro*.

CANOT, *sm*. Lakan-drafitra, kanoty.

CANOTIER, *sm*. Mpanamory kanoty.

CANTATRICE, *sf*. Vehivavy mpihira malaza.

CANTHARIDE, *sf*. Biby kely fanaovana bilistra.

CANTINE, *sf*. Trano fivarotan-divay,—toaka, etc.

CANTINIER, IÈRE, *s*. Mpivaro-divay,— toaka, etc.

CANTIQUE, *sm*. Hiram-pivavahana, fihirana, tonon-kira. Entonner un —. Miventy *hiram-pivavahana*. Livre de cantiques. Boky *fihirana*. Le— des cantiques. Ny *tonon-kirany* Salomona.

CANTON, *sm*. Fizaran-tany madinika.

CANTONNÉ, ÉE, *adj*. Mitoetra amy ny vohitra maro mifanakaiky.

CANTONNEMENT, *sm*. Fitoerana amy ny vohitra maro mifanakaiky, vohitra maro mifanakaiky itoeran'ny miaramila.

CANTONNER, *va*. Mizarazara miaramila hitoetra amy ny vohitra maro mifanakaiky.

—, *vn*. Mitoetra amy ny vohitra maro mifanakaiky. Les troupes cantonnent dans ce pays. *Mitoetra* amin' ity fari-tany ity ny miaramila.

Se cantonner, *vpr*. Mamonjy vohitra mahatoky.

CANTONNIER, *sm*, Mpanamboatra lalam-be.

CANULE, *sf*. Vavam-basirano.

CAOUTCHOUC, *sm*. Matezaroritina, fingotra.

CAP, *sm*. 1° Loha. Il est armé de pied en —. Mitondra fiadiana hatramy ny tongony ka hatramy ny *lohany* izy. 2°—, Loha sambo. Mettre le—au vent. Mampitsena rivotra ny *loha sambo*. 3°—, Tsiraka.— d'Ambre. *Tsirak'* Antomboka.

CAPABLE, *adj*. 1° Mahazaka, mahavita, mahavatra, mahavanona, maheta, sahy, maha.... Il n'est pas—de porter ce paquet. Tsy *mahazaka* io entana io izy. Il n'est—de rien. Tsy *mahavita*, *mahavatra*, *mahavanona* na inona na inona izy. Il est—de vous trahir. *Mahavanona*, *mahefa*, *sahy* hamadika anao izy. Ce cheval n'est pas—de traîner la voiture. Tsy *mahatarika* ny kalesy io soavaly io. 2°—, Mahazo. Il est—de contracter. *Mahazo* manao fanekena izy. 3°—, Mahay. C'est un homme très—. Olona *mahay* dia mahay izy.

CAPACITÉ, *sf*. 1° Erany, habe. La—d'un tonneau. Ny *erany*, *haben'* ny barika anankiray. 2°—, Fahazoana. 3°—, Fahaizana.

CAPARAÇON, *sm.* Lamban-tsoavaly.
CAPARAÇONNER, *va.* Manaron-damba soavaly. Les chevaux étaient caparaçonnés de pourpre. *Nosaronana lamba* jaky ny soavaly.
Se caparaçonner, *vpr.* Manao haingo be renty.
CAPE, *sf.* 1° Kapaoty misy saron-doha. 2° *fig.* Rire sous—. Mihimoka.
CAPILLAIRE, *adj.* Madinika hoatry ny volondoha. Veine—. Hoza-dra *madinika hoatry ny volondoha.*
CAPITAINE, *sm.* 1° Kapiteny.—de navire. *Kapitenin*-tsambo. 2°—, Jeneraly. C'était un grand—. *Jeneraly* nalaza izy.
CAPITAL, ALE, *adj.* 1° Lehibe indrindra, voalohany, fototra, masom-boavahiny, loha. Il a oublié le point—de l'affaire. Hadinony ny zavatra *lehibe indrindra, voalohany* amin' izany raharaha izany, ny *fototra,* ny *masom-boavahin'* izany raharaha izany. Péchés capitaux. Fahotana *fototra, lohan'* ny sasany. 2°—, Lehibe, be vava, mahafaty. C'est une affaire capitale. Raharaha *lehibe, be vava* izany. Lettre capitale. Soratra *lehibe.* Crime—. Heloka *be vava, mahafaty.* Il a été condamné à la peine capitale. Nohelohin-*ko faty* izy.
CAPITAL, *sm.* 1° Zavatra lehibe indrindra,— voalohany. Le— est de se bien conduire. Ny *zavatra lehibe indrindra,* etc., dia ny mitondra tena tsara. 2°—, Renivola, vola. Il a payé le—. Nandoa ny *renivola* izy. Augmenter son—. Mampitombo ny *volany.*
CAPITALE, *sf.* 1° Renivohitra. 2°—, Soratra lehibe, kapitaly.
CAPITALISER, *va.* Mampiteraka zana-bola miaraka amy ny reniny.
—, *vn.* Mihary.
CAPITALISTE, *sm.* Mpampanjana-bola.
CAPITATION, *sf.* Vidin'aina, isan'aina.
CAPITEUX, EUSE, *adj.* Mampanelonelo. Vin—. Divay *mampanelonelo* ny an-doha.
CAPITULATION, *sf.* Fikoizan' ny tafika na ny vohitra.
CAPITULER, *vn.* 1° Mikoy. Après six mois de résistance les assiégés capitulèrent. Rahefa nanohitra enim-bolana ny natao fahirano, dia *nikoy.* 2° *fig.* Mifanaiky hifanaraka.
CAPON, *sm.* Kanosa, osatay, kanevoka.
CAPONNER, *vn.* Mikoy.
CAPORAL, *sm.* Kaporaly, roa voninahitra.
CAPOT, *adj.* Mangaihay.
CAPOTE, *sf.* Kapaoty.
CÂPRE, *sf.* Voankazo alóna amy ny vinaingitra.
CAPRICE, *sm.* 1° Angolangola, angotingoty, angentsangentsana, haitraitra, ditra, sitra-po, fanaranam-po. Il a beaucoup de caprices. Be *angolangola, angotingoty, angentsangentsana, haitraitra* izy. Ce cheval a des caprices. *Maditra* ity soavaly ity. Agir selon ses caprices. Manao araka ny *sitra-pony, manaram-po,* manao ny danin' ny kibony. Contenter les caprices d'une personne. *Mampanaram-pó* olona. 2°—, Fiovaovana. Les caprices de la mode. Ny *fiovaovan'* ny lamody.
CAPRICIEUSEMENT, *adv.* Amim-pihaitrairana, amin-ditra.
CAPRICIEUX, EUSE, *adj.* et *s.* Miangolangola, miangotingoty, miangentsana, mihaitraitra, be ditra.
CAPSULE, *sf.* 1° Hodi-boan-javatra.— de balsamine. *Hodi-boam*-benjamina. 2°—, Kapsily.
CAPTATION, *sf.* Fanangolena.
CAPTER, *va.* Manangoly, mametsy.— un héritage. *Manangoly,* etc., ahazoana lova.
CAPTIEUSEMENT, *adv.* An-kafetsena, am-panangolena, am-pitaka.
CAPTIEUX, EUSE, *adj.* Mametsy, manangoly, mamitaka, be haroka, mangaroka. Paroles captieuses. Teny *mametsy,* etc.
CAPTIF, IVE, *adj.* et *s.* 1° Sambo-belona, babo. Prince—. Mpanjaka azo *sambo-belona, voababo.* 2° *fig.* Voatehy loatra. Tenir ses enfants captifs. *Mifehy loatra* ny zanany.
CAPTIVÉ, ÉE, *p.* Variana, sondriana, renoka. Voy. ABSORBÉ.
CAPTIVER, *va.* 1° Mahavariana, mahasondriana, maharenoka. —les esprits. *Mahavariana,* etc., olona. 2°—, Mifehy, manery. Vous ne sauriez—cet esprit emporté. Tsy azonao *fehezina* io olona saro-pó io. —son esprit sous le joug de la foi. *Manery* ny saina mba hino ny teny finoana.
Se captiver, *vpr.* Mahafehy tena, manery saina.
CAPTIVITÉ, *sf.* 1° Fahababoana. La —de Babylone. Ny *fahababoan'* ny Za-

nak' Israely tany Babilona. 2°—, Fifehezana, fanerena.

CAPTURE, *sf*. Fisamborana, babo.

CAPTURER, *va*. Misambotra, mamabo. Il a capturé un voleur. *Nisambotra* mpangalatra anankiray izy. Les ennemis ont capturé deux navires. *Nobaboin'* ny fahavalo ny sambo roa.

CAPUCHON, *sm*. Saron-doha miraikitra amy ny kapaoty.

CAPUCINE, *sf*. Kapsina.

CAQUET, *sm*. Comme BABIL.

CAQUETAGE, *sm*. 1° Fikakáka. 2° *fig*. Fivatsavatsana. Comme BABILLAGE.

CAQUETER, *vn*. 1° Mikakáka. 2° *fig*. Mivatsavatsa. Comme BABILLER.

CAQUETEUR, EUSE, *s*. Comme BABILLARD.

CAR, *conj*. Satria, noho, fa. Cet enfant mérite une récompense,— il est très zélé pour l' étude. Mendrika homen-balisoa io zaza io, *satria, fa* mazoto mianatra, *noho* izy mazoto mianatra.

CARABIN, *sm*. Mpianatra ho dokotera, dokotera madinika.

CARABINE, *sf*. Karabina.

CARABINÉ, ÉE, *adj*. Mahery. Brise carabinée. Rivotra *mahery*.

CARACOLE, *sf*. Dihin-tsoavaly.

CARACOLER, *vn*. Mandihy. Faire—un cheval. *Mampandihy* soavaly.

CARACTÈRE, *sm*. 1° Soratra. Ecrivez ceci en gros caractères, Ataovy *soratra* vaventy ity. 2°—, Lohavý. Ces caractères sont trop petits. Madinika loatra ireto *lohavý* ireto. 3°—, Marika. Le baptême imprime dans l'âme un—ineffaçable. Ny batemy manisy *marika* tsy mety levona ao amy ny fanahy. 4° *fig*. Toe-panahy, fanahy, toetra, herim-pó. Il a un étrange —. Hafahafa ny *toe-panahiny*. Il a un — doux. Malemy *fanahy* izy. Il a un — triste. Manao *toetr'* olona malahelo izy. Il montre du —. Mampiseho *herim-pó* izy. La maladie a un — fâcheux. Ratsy ny *toetry* ny aretina. 5° —, Fiamboniana, fiandrianana. Il faut respecter le — d'un évêque. Tsy maintsy hanaja ny *fiamboniana*, etc., ny evoka.

CARACTÉRISÉ, ÉE, *adj*. Tena izy. Il a une fièvre bien caractérisée. *Tena* tazo mibitsy no mahazo azy.

CARACTÉRISER, *va*. 1° Milaza ny toetra. Il sait— les passions. Mahay *milaza ny toetry* ny filan-dratsy izy. 2°—, Toetra. La bravoure le caractérise. Be herim-pó no *toetrany*.

Se caractériser, *vpr*. Miseho toetra. La maladie se caractérise. *Miseho* ny *toetry* ny aretina.

CARACTÉRISTIQUE, *adj*. Maneho izay tena toetrany. Marque—. Famantarana *maneho izay tena toetrany*.

CARAFE, *sf*. Karafa.

CARAFON, *sm*. Karafa kely, tamaboha,

CARAMEL, *sm*. Siramamy nendasina.

CARAPACE, *sf*. Hodi-tsokatra. La tortue est rentrée dans sa —. Nikemo ao anaty *hodiny* ny sokatra.

CARAVANE, *sf*. Andian' ny mpandeha. La — était composée de cinquante hommes. Ny *andian' ny mpandeha* nisy olona dimam-polo.

CARÇAN, *sm*. Boloky.

CARCASSE, *sf*. Rikarikan-taolana, rikarika, vangovangony. La—d'un poulet. Ny *rikarikan-taolan'* ny vantotr' akoho. La— d'un navire. Ny *rikarika*, ny *vangovangon*-tsambo.

CARDAGE, *sm*. Fameraverana, famohavobana, fanatsikerana.

CARDE, *sf*. Fameraverana, famohavohana, fanatsikerana.

CARDER, *va*. Mameravera, mamohavoha, manatsikera.

Se carder, *vpr*. Veraveraina, vohavohana, tsikeraina. La laine se carde en ce moment. *Veraveraina*, etc., ankehitriny ny volon' ondry.

CARDEUR, EUSE, *s*. Mpameravera, mpamohavoha, mpanatsikerakera.

CARDINAL, *sm*. 1° Kardinaly. 2°—, Fody, fodilahimena.

CARDINAL, ALE, *adj*. Loha, fototra. Les vertus cardinales. Ny hatsaram-panahy *loha, fototry* ny sasany. ‖ *loc*. Les quatre points cardinaux. Ny faravazan-tany efatra. Nombres cardinaux. Isa tsotra. Un, deux, trois, sont des nombres cardinaux. Ny isa, roa, telo, dia *isa tsotra*.

CARDINALAT, *sm*. Fiandrianan' ny kardinaly.

CARÊME, *sm*. Karemy.

CARÈNE, *sf*. Fanambanin-tsambo milentika anatin' ny rano. ‖ *loc*. Mettre un navire en —. Mampakatra sambo eny an-tanety mba hanamboatra ny fanambaniny.

CARÉNER, *va.* Manamboatra fanambanin-tsambo.

CARESSANT, ANTE, *adj.* 1° Misafosafo, manambitamby, manehatehaka, manolikoly, manejokejo, manojikojy, mamalifaly. C'est un enfant très —. Zaza kely mahay *manambitamby, manolikoly, mamalifaly* izy. 2° *fig.* Malemy, malefaka. Brise caressante. Rivotra *malemy, malefaka,* tsio-drivotra.

CARESSE, *sf.* Fisafosafoana, tambitamby, fanambatambazana, fanehatehafana, koliko'y, fanolikolena, fanejokejoana, fanojikojiana, famalifaliana.

CARESSER, *va.* Misafosafo, manambitamby, manehatehaka, manolikoly, manejokejo, manojikojy, mamalifaly.—avec la main. *Misafosafo.*— en frappant doucement avec la main. *Manehatehaka.* —un cheval *Misafosafo, manehatehaka* soavaly.— un enfant. *Misafosafo, manambitamby, manehatehaka* zaza kely. —le peuple. *Manambitamby, manolikoly, manejokejo, manojikojy* ny vahoaka.

Se caresser, *vpr.* Mifampisafosafo, mifanambitamby, mifanehatehaka, mifamalifaly.

CARGAISON, *sf.* Entan-tsambo. Des bœufs formaient toute la— du navire. Ny *entan-tsambo* dia omby hiany.

CARGUER, *va.* Mangorona lain-tsambo.

CARICATURE, *sf.* 1° Sary hatsikana, —fampihomehezana. 2° *fig.* Olona manao fitafian' adala.

CARICATURER, *va.* 1° Manao sary fampihomehezana. 2° *fig.* Mikizaka, maneso.

CARICATURISTE, *sm.* Mpanao sary fampihomehezana.

CARIE, *sf.* Fahalovana (amy ny taolana, amy ny nify, amy ny vary, amy ny hazo).

CARIÉ, ÉE, *adj.* Ló, hanin' ny olitra,— ny oli-manara. —ny fositra. Os—. Taolana *ló.* Dent cariée. Nify *ló, hanin' ny olitra, —ny oli-manara.* Blé—. Varimbazaha *ló.* Bois—. Hazo *hanin' ny fositra.*

CARIER, *va.* Mandó, mahaló.

Se carier, *vpr.* Mihaló

CARILLON, *sm.* 1° Fitintína. Sonner le—. *Mampitintina* ny lakolosy. 2°, Lakolosy maro mihira. La cathédrale possède un beau—. Ny trano fiangonana katedraly manana *lakolosy maro mihira* tsara. 3° *fig.* Fikotaba, tabataba.

CARILLONNER, *vn.* 1° Mampitintína. 2°—, Mampihira lakolosy maro. 3° *fig.* Mikotaba, mitabataba.

CARILLONNEUR, *sm.* 1° Mpampitintína. 2°— Mpampihira lakolosy maro.

CARLIN, *sm.* Alika madinika.

CARMIN, *sm.* Loko mena mangatrakatraka.

CARMINÉ, ÉE, *adj.* Mena mangatrakatraka. Encre carminée. Ranomainty *mena mangatrakatraka.*

CARNAGE, *sm.* Vonoana olona hoatry ny fatim-balala. Les soldats firent un grand—dans cette bataille. Ny miaramila nanao *vonoana olona hoatry ny fatim-balala* tao amin' izany ady izany.

CARNASSIER, IÈRE, *adj* Homankena manta. Le lion est un animal —. Biby *homan-kena manta* ny liona.

—, *sm. pl.* Ny biby homan-kena manta.

CARNASSIÈRE, *sf.* Kotra fitondrankaza.

CARNET, *sm.* Boky kely fitadidiana.

CARNIVORE, *adj.* Homan-kena. Animaux carnivores. Biby *homan-kena.*

—, *sm. pl.* Ny biby homan-kena.

CAROTIDE, *sf.* Artera mitondra ny ra ho amy ny ati-doha.

CAROTTE, *sf.* 1° Karaoty. 2°—, Olamparaky.

CAROTTER, *va.* Mametsy, mamitaka. Il a carotté son ami. *Nametsy,* etc., ny sakaizany izy.

CAROTTEUR, EUSE ou **CAROTTIER, IÈRE,** *s.* Mpametsy, mpamitaka.

CARPE, *sf.* Karazan-kazandrano amy ny rano mamy.

CARQUOIS, *sm.* Fitondrana zana-tsipika.

CARRÉ, *sm.* 1° Sokera efa-joro mitovy lafy, karé. Faites sur le papier un — de deux pieds. Asio *sokera efa-joro mitovy lafy* roa dia ao amy ny taratasy. Faites marcher les soldats en—. Ampanaovy *sokera efa-joro mitovy lafy* ny miaramila raha mandeha. 2°—, Sokera. Vingt-cinq est le—de cinq. Dimy amby roapolo no *sokeran'* ny dimy. 3° —, Torim-boly. Plantez un — de navets. Mambolé navé iray *tory.*

CARRÉ, ÉE, *adj.* 1° Efa-joro mitovy lafy. Table carrée. Latabatra *efa-joro mitovy lafy.* 2° —, Sokera. Cinq est

la racine carrée de vingt-cinq. Dimy no foto-*tsokeran'* ny dimy amby roapolo. 3° *fig.* Il est—des épaules. Be tratra, matanjaka izy. C'est une tête carrée. Be ati-doha, be saina izy.

CARREAU, *sm.* 1° Ngorodom-bato, ngorodon-tanimanga, etc. Laver le —. Manasa ny *ngorodom-bato,* etc. ‖ *loc.* Rester sur le—. Dangy terý. Jeter quelqu'un sur le—. Mahafaty na mandratra mafy olona. 2°—, Fitaratra, tranom-pitaratra. Il a cassé quatre carreaux. Nahavaky *tranom-pitaratra* efatra izy. 3°—, Karao. Passez le—sur le col de ma chemise. Pasohy amy ny *karao* ny vozon' akanjoko. 4° —, Joro. Un as de — Ny baondin' ny *joro.* 5° —, Tranotranony, antranotranony. Etoffe à carreaux. Lamba *mitranotrano, antranotranony.*

CARREFOUR, *sm.* Fihaonan-dálana maro.

CARRELAGE, *sm.* 1° Fanaovana lampivato, fandrafetana ngorodom-bato na tanimanga. 2°—, Lampivato, ngorodon-tanimanga.

CARRELÉ, ÉE, *adj.* Misy lampivato,— ngorodom-bato,— ngorodon-tanimanga. Chambre carrelée. Efi-trano *misy lampivato,* etc.

CARRELER, *va.* Manao lampivato, mandrafitra ngorodona tanimanga.

CARRELEUR, *sm.* Mpanao lampivato, mpandrafitra ngorodon-tanimanga.

CARRÉMENT, *adv.* 1° Efa-joro mitovy lafy. Coupez—cette étoffe. Didio *efa-joro mitovy lafy* ity lamba ity. 2° *fig.* Tsotra, an-kitsiloha. Il a refusé—. Nandá *tsotra,* etc., izy.

CARRER, *va.* Manao efa-joro mitovy lafy.—une pierre. *Manao* vato anankiray *efa-joro mitovy lafy.*

Se carrer, *vpr.* Miedinedina, miedikedika. Se—en marchant. *Miedinedim*-pandeha, etc.

CARRIÈRE, *sf.* 1° Kianja fifanalána hazakazaka. Les chevaux entrent dans la—. Manomboka *hifanala hazakazaka* ao amy ny *kianja* ny soavaly. Parcourir la—. *Mifanala hazakazaka.* Ils sont arrivés au bout de la—. Nahatratra ny fetra ao amy ny *kianja fifanalana hazakazaka* izy ireo. ‖ *loc.* Le soleil est au milieu de sa—. Mitatao vovonana ny andro 2°—. Tany ihadiam-bato,—solaitra 3° *fig.* Andro iainana. Il est arrivé au terme de sa—. Tapitra ny *andro niainany,* tapitra andro izy. 4°—, Toetra, raharaha, lalana. Choisissez une—. Fidio izay *toetra, raharaha* tianao. Il fait des progrès dans la—de la vertu. Mandroso amy ny *lalan'*ny hatsaram-panahy izy. ‖ *loc.* Donner—. Mamela, tsy misakana, manampatra. Donner—à sa méchanceté. *Manampatra* ny hasomparany.

CARRIOLE, *sf.* Kalesy kely.

CARROSSABLE, *adj.* Azon'ny kalesy lehibe aleha. Route—. Lálana *azon'ny kalesy lehibe aleha.*

CARROSSE, *sm.* Kalesy misy kodiarana efatra.

CARROSSIER, *sm.* Mpanao kalesy.

CARROUSEL, *sm.* Sarin'ady taloha.

CARRURE, *sf.* Halehibiazan-tratra. Ce jeune homme a une belle—. *Be tratra* io tovolahy io.

CARTABLE, *sm.* Karitabla.

CARTE, *sf.* 1° Taratasy, karatra.—d'entrée. *Taratasy,* etc., fidirana. Jouer aux cartes. Manao *karatra.* 2°—, Sarin-tany. Prêtez-moi la—de Madagascar. Ampindramo ny *sarin-taniny* Madagasikara aho. 3° *fig.* Perdre la—. Mivadika ati-doha, very saina, sanganehana. Brouiller les cartes. Mampikorontan-draharaha. Jouer cartes sur table. Mamokatra ny ao am-po. Voir le dessous des cartes. Mahatakatra ny hevitr' olona, mahalala ny am-po tsy ambara. Donner—blanche à quelqu'un. Mampanaram-pó olona.

CARTEL, *sm.* Taratasy fi..aikana hiady samy irery.

CARTILAGE, *sm.* Taola-malemy, mahatoroleia.

CARTILAGINEUX, EUSE, *adj.* Misy taola-malemy,— mahatoroleia.

CARTON, *sm.* 1° Baoritra. 2°—, Kotra fasian-taratasy. Il a mis dans ses cartons la lettre que je lui ai envoyée. Nataony tao amy ny *kotrany* ny taratasy nampitondraiko azy.

CARTONNAGE, *sm.* Fanaovana fonom-boky amy ny baoritra, fonom-boky atao amy ny baoritra.

CARTONNÉ, ÉE, *adj.* Voafono baoritra. Livre—. Boky *voafono baoritra.*

CARTONNER, *va.* Manao fonom-boky amy ny baoritra. Cartonnez ce livre. *Fonoy baoritra* ity boky ity.

CARTOUCHE, *sf.* Katirijy.

CAS, *sm.* Zavatra, raharaha. —imprévu. *Zavatra* tsy nampoizina Le— est différent. Samihafa ny *zavatra,* etc., ‖ *loc.* C'est le — de.... Tokony. C'était le — de le contredire, quand il disait de pareil-

les faussetés. *Tokony* ho notoherina izy, raha nilaza zavatra tsy marina toy izany. En ce—. Raha tahaka izany. En pareil—. Raha toy izany. Faire— de.... Manao ho zavatra. Je fais grand—de tout ce qu'il dit. Ataoko *ho zavatra* avokoa izay lazainy. Je fais de lui le plus grand —. *Manao* azy *ho zavatra* tokoa aho. Ne faire aucun— de.... Manao ho tsinontsinona, tsy jaba, tsy manisy raharara. Il ne fit aucun — ni de lui ni de ses présents. *Nataony ho tsinontsinona, tsy jabany* na ny tenany na ny zavatra nateriny. Il ne fit aucun — de ses menaces. Tsy *nasiany raharaha* ny rahona nataony.

En cas de, *loc. prép*..... **En cas que,** *loc. conj*. Raha sendra, raha tahiny, raha toa. En — de guerre, il faut se préparer. *Raha sendra*, etc., misy ady, tokony hivonona. En — qu'il vienne, faites cuire du riz. *Raha sendra*, etc., tonga izy, ahandroy vary.

En tout cas, *loc. adv*. Na manao ahoana na manao ahoana. En tout —, il faut que vous partiez. *Na manao ahoana na manao ahoana* tsy maintsy mandeha hianao.

CASANIER, IÈRE, *adj*. et *s*. Mpihiboka, mpifahy. C'est un homme —, qui mène une vie casanière. *Mpihiboka*, etc., izy.

CASAQUE, *sf*. 1° Palitao lava. 2° *fig*. Tourner—. Miendaka, mivadika. Il m'a tourné —. *Niendaka, nivadika* tamiko izy.

CASAQUIN, *sm*. 1° Akanjo lava. 2° *fig*. Donner sur le— à quelqu'un. Mikapoka olona.

CASCADE, *sf*. 1° Riana. 2° *fig*. Ce discours va par cascades. Miriorio be hiany izany laha-teny izany.

CASE, *sf*. Trano madinidinika.

CASEMATE, *sf*. Lavaka famitsahana.

CASEMATÉ, ÉE, *adj*. Misy lavaka famitsahana. Bastion —. Manda *misy lavaka famitsahana*.

CASEMATER, *va*. Manisy lavaka famitsahana.

CASER, *va*. Mampirina, mampahazo toerana. — des livres. *Mampirina* boky. J'ai fini par — mon fils. Tamy ny farany aho dia *nampahazo toerana* ny zanako.

Se caser, *vpr*. Mahazo toerana, mipetraka.

CASERNE, *sf*. 1° Trano fitoeran' ny miaramila. Les soldats ont une belle—. Manana *trano* tsara ny miaramila. 2°—, Ny miaramila iray trano. Toute la—est sous les armes. Mitam-piadiana daholo ny *miaramila iray trano*.

CASERNÉ, ÉE, *adj*. 1° Miray trano. Les soldats sont casernés. *Miray trano* avokoa ny miaramila. 2° *fig*. Mihiboka, mifahy.

CASERNEMENT, *sm*. Fametrahana miaramila amy ny trano iray, fampiraisan-trano ny miaramila, firaisan' ny miaramila trano.

CASERNER, *vn*. Miray trano.

—, *va*. Mametraka miaramila amy ny trano iray, mampiray trano ny miaramila.

CASIER, *sm*. Fitoeran'entana miefitrefitra, tranotrano. Les divers papiers ont chacun leur—. Ny taratasy samihafa dia samy manana *tranotrano* avy.

CASQUE, *sm*. Satroka valalamihoatra.

CASQUETTE, *sf*. Kasikety.

CASSANT, ANTE, *adj*. 1° Mora vaky, mora tapaka, malia, marefo, makiana, mora maito. Le verre est —. *Mora vaky, malia* ny fitaratra. Les branches sèches sont cassantes. Ny rantsan-kazo maina dia *mora tapaka, malia, marefo, makiana*. Ce fil est —. *Mora tapaka, makiana, mora maito* io taretra io. 2° *fig*. Manao jadon-tokana, manao teny tsy valiana.

CASSATION, *sf*. Fanafoanana fitsarana, — didy, etc. || Cour de —. Fitsarana ambony indrindra. Il fit appel à la cour de —. Nangataka *fitsarana ambony indrindra* izy.

CASSE, *sf*. 1° Famakiana. 2° —, Fitoerau-dohavy mitsitranotrano.

CASSÉ, ÉE, *p*. et *adj*. 1° Vaky, novakina, tapaka, notapahina, maito. 2° *fig*. Nofoanana. 3° —. Naongana. 4° —, Reraka, barabara. C'est un vieillard — par l'âge. Lahiantitra *reraky* ny tahanterana izy. Voix cassée. Feo *barabara*, sakalahim-peo.

CASSE-COU, *sm*. Mandavo, mamotraka, mahapotraka. Ce chemin est un vrai —. *Mandavo*, etc., tokoa itony lalana itony.

CASSEMENT, *sm*. — de tête. Fahasahiranana.

CASSE-NOIX, *sm*. Famakiana *noix*.

CASSER, *va*. 1° Mamaky, manapaka, manito. Qui casse les verres les paie. Izay

mamaky ny gilasy mandoa ny vidiny; *fig.* raharaban''izay mahasimba zavatra. L'arbre en tombant lui a cassé la jambe. Ny hazo nianjera *nanapaka* ny ranjony.— la tête à quelqu'un. *Mamaky* lohan'olona : *fig.* manahirana olona. 2° *fig.* Manafoana.— un testament. *Manafoana* farahafatra. 3°—, Manongana.— un officier. *Manongana* manamboninahitra. 4° Mandreraka. Les fatigues l'ont bien cassé. *Nandreraka* azy maf'y ny hasasarana.

Se casser, *vpr.* 1° Vaky, tapaka, maito. La corde s'est cassée. *Tapaka, maito* ny tady 2° *fig.* Mihareraka. || *loc.* Se — la tête. Mamaky ati-doha.

CASSEROLE, *sf.* Kaseroly.

CASSE-TETE, *sm.* 1° Kanonta hazo. 2° *fig.* Zavatra mamaky ati-doha.

CASSETTE, *sf.* 1° Vata kely fitahirizambola na vakana. 2°—, Volan'ny mpanjaka. Le roi a pris sur sa—pour cette œuvre. Ny mpanjaka nandany ny *volany* hanaovana izany rahaï aha izany.

CASSEUR, EUSE, *s.* Mpamaky zavatra.

CASSOLETTE, *sf.* Fitoeran-java-manitra.

CASSONADE, *sf.* Siramamim-bazaha voadio indray maka monja.

CASSURE, *sf.* Fivakiana, fitapahana. La—de l'assiette est très droite. Mahitsy dia mahitsy ny *nivakian'* ny lovia.

CASTE, *sf.* Foko. Les castes nobles. Ny *fokon'* ny andriana.

CASUEL, ELLE, *adj.* 1° Sendrasendra, tsy ampoizina. Evénement—. Zavatra miseho *sendrasendra,* etc. 2°—, Fahazo sendrasendra.

—, *sm.* Zavatra fahazo sendrasendra.

CATACLYSME, *sm.* 1° Safo-drano. 2° *fig.* Fikorontanana lehibe.

CATACOMBES, *sf. pl.* Zohy lehibe any Roma fievenan' ny kristiana taloha.

CATAFALQUE, *sm.* Tranovorona fanao ao an-trano leglizy.

CATALOGUE, *sm.* Rejistra.— des élèves, des livres. *Rejistry* ny mpianatra, ny boky.

CATALOGUER, *va.* Manoratra amy ny rejistra.

CATAPLASME, *sm.* Kataplasy, fesana.

CATARACTE, *sf.* 1° Hoditra manify manarona ny ati-maso. 2°—,Rian'ony. Les cataractes du Nil. Ny *rian' ny ony* Nily. 3° *fig.* Fikijan-dranonorana. Les cataractes du ciel furent ouvertes durant quarante jours. *Nikija* nandritra ny efa-polo andro ny *ranonorana.*

CATARRHE, *sm.* Rehoka, kohaka mafy.

CATARRHEUX, EUSE, *adj.* Be rehoka, mikohaka. Vieillard —. Lahiantitra *be rehoka,* etc.

CATASTROPHE, *sf.* Loza amin' antambo, loza. Nous sommes menacés d'une—. Mila ho voan' ny *loza amin' antambo* isika.

CATÉCHISER, *va.* Mampianatra katesizy, — fivavahana.

CATÉCHISME, *sm.* 1° Katesizy. 2°—, Fampianarana katesizy, — fivavahana.

CATÉCHISTE, *sm.* Mpampianatra katesizy, — fivavahana, katekista.

CATÉCHUMÈNE, *sm.* Mpianatra batemy, katekomena.

CATEGORIE, *sf.* Karazana, antoko, toetra, fomba. Ces marchandises ne sont pas de la même —. Samihafa *karazana* ireo varotra ireo. Il est de la — des simples soldats. Ao amy ny *antokon'* ny vata-maramila izy. Ces gens-là sont de même —. Mitovy *toetra, fomba* ireo olona ireo.

CATÉGORIQUE, *adj.* Mazava, tsotra. Donnez une réponse —. Valio *mazava,* etc.

CATÉGORIQUEMENT, *adv.* Mazava, tsotra.

CATHÉDRALE, *adj.* et *sf.* Reny trano leglizy misy eveka, katedraly.

CATHOLICISME, *sm.* Ny fivavahana katolika.

CATHOLICITÉ, *sf.* 1° Fanarahana ny fampianarana katolika. La— d'une opinion. Ny *fifanarahan'* ny hevitra anankiray amy ny *fampianarana katolika.* 2°—, Ny katolika rehetra.

CATHOLIQUE, *adj.* et *s.* Katolika.

CATHOLIQUEMENT, *adv.* Araka ny fivavahana katolika.

CAUCHEMAR, *sm.* 1° Nofy ratsy. Je tremble encore du—que j'ai eu. Mbola mangovitra aho noho ny *nofy ratsy* nonofisiko. 2° *fig.* Olona mahadikidiky. Cet homme est mon—. *Mahadikidiky* ahy io olona io.

CAUDATAIRE, *sm.* Mpitondra ny rambon' akanjon' ny eveka.

CAUSATIF, IVE, *adj.* Milaza ny foto-

tra,—ny antony. *Car, parce que* sont des mots causatifs. *Fa, satria* dia teny *milaza ny fototra*, etc.

CAUSE, *sf.* 1° Fototra, nihaviany, antony. Dieu est la — première de tout ce qui existe. Andriamanitra no *fototra, nihavian'* ny zavatra rehetra. Le péché d'Adam est la—de tous les maux. Ny fahotany Adama no *fototra, nihavian'* ny loza rehetra. Il a agi en connaissance de—. Tamy ny izy nanao izany dia fantany tsara ny *fotony*, ny *antony*. Il ne le fera pas. et pour —. Tsy hanao izany izy fa misy *antony*. 2° —. Ady, andany. Il a perdu sa —. Resy tamy ny *adiny* izy. Il a gagné sa —. Nahery tamy ny *adiny* izy. Il a embrassé sa —. *Niandany* taminy izy. Prendre fait et — pour quelqu'un. *Miandany* amin' olona, miaro olona. Faire — commune avec quelqu'un. *Miandany*, miombona amin' olona.

À cause de, *loc. prép.* Noho. Je ferai cela à — de vous. Hataoko izany *noho* hianao.

CAUSER, *va.* Mahatonga, mitarika, miteraka, mampiditra, man...., mampi...., mampan...., mampa...., maha. Les passions causent des malheurs incalculables. *Mahatonga, mitarika, miteraka, mampiditra* loza tsy tambo isaina ny filan-dratsy. — du scandale. *Mana*fintohina. — du chagrin. *Mampa*lahelo. — de la joie. *Maha*faly.

—, *vn.* Miresaka, mitafasiry, mitafa, mitaria, mikorána. Voici quelqu'un qui veut — avec vous. Misy olona te-*hiresaka* aminao. Après le repas ils causent longuement entre eux. Nony avy homana izy ireo, dia *mitafasiry, mitafa, mitaria, mikorána* ela.

CAUSERIE, *sf.* Resaka, tafasiry, tafa, taria, korána.

CAUSETTE, *sf.* Resadresaka.

CAUSEUR, EUSE, *s.* 1° Mpiresaka, mpitafasiry, mpitafa, mpitaria, mpikorána. 2° *fig.* Tsy mahatam-bava.

CAUSTICITÉ, *sf.* 1° Fanaikitra, fandoro.—d'un acide. Ny *fanaikitry* ny asidra. 2° *fig.* Famoapoaka, famelively, fikizaka, fandatsa.

CAUSTIQUE, *adj.* 1° Manaikitra, mandoro. Remède—. Fanafody *mandoro*. 2° *fig.* Mamoapoaka, mamelively. C'est un écrivain—. Mpanoratra *mamoapoaka*, etc.

—, *sm.* Fanafody mandoro.

CAUTELEUSEMENT, *adv.* Am-pitaka.

CAUTELEUX, EUSE, *adj.* Fetsy ratsy, mamitaka. Homme—. Olona *fetsy ratsy*, etc.

CAUTÈRE, *sm.* 1° Fanafody mandoro, kaotera. 2° *fig.* C'est un—sur une jambe de bois. Fanafody very maina hoatry ny vanja atifi-danitra izany.

CAUTÉRISATION, *sf.* 1° Fandoroana. Voici un bon remède pour la—de la plaie. Inty fanafody tsara *handoroana* ny fery. 2°—, Toetry ny fery voadoro. La—de la plaie se fait tous les jours. Mihatsara isan' andro ny *toetry ny fery voadoro*.

CAUTÉRISER, *va.* Mandoro fery, manisy fanafody mandoro.

CAUTION, *sf.* Antoka, fiantohana. Il a fourni une—. Nanome *antoka* izy. Je serai votre—. *Hiantoka* anao aho. ‖ *loc.* Sujet à—. Tsy azo itokiana. C'est un homme sujet à—. Olona *tsy azo itokiana* izy.

CAUTIONNEMENT, *sm.* Antoka. Il a donné mille piastres pour—. Nanome *antoka* vola arivo izy.

CAUTIONNER, *va.* Miantoka.

CAVALCADE, *sf.* Filaharan'olona mitaingin-tsoavaly.

CAVALE, *sf.* Soavalivavy.

CAVALERIE, *sf.* Miaramila an-tsoavaly, kavaleria. Il sert dans la —. *Miaramila an tsoavaly* izy.

CAVALIER, *sm.* Mpitaingin-tsoavaly.

CAVALIER, IERE, *adj.* Kasikasy, kevoka, miavonavona, mianjonanjona, sahy. Il a un air —. *Kasikasy, kevoka* izy. Ses réponses sont trop cavalières. *Miavonavona, mianjonanjona, sahy* loatra izy raha mamaly.

CAVALIÈREMENT, *adv.* Anavonavona, anaanjonanjona, an-kasahiana. Parler —. Miteny *anavonavona*, etc.

CAVE, *sf.* 1° Magazay fitoeran-divay. Nous avons une — bien fraîche. Manana *magazay fitoeran-divay* mangatsiatsiaka izahay. 2°—, Divay. Il a une— bien montée. Manan-*divay* betsaka izy.

CAVE, *adj.* Lempona. Œil, joue—. Maso, takolaka *lempona*.

CAVEAU, *sm.* 1° Fitoeran-divay. 2°—, Fasana.

CAVER, *va.* Mandoaka, mihady. L'eau a cavé cette pierre. Ny rano *nandoaka* io vato io. La rivière a cavé son lit. Ny reniranо *nihady* ny masondrano.

CAVERNE, *sf.* 1° Zohy, lava-bato, zóma. Ils passèrent la nuit dans une —. Nandany ny alina tany anaty *zohy,* etc., izy ireo. 2° *fig.* Tranon' androvo. Cette maison est une — de brigands. *Tranon' androvo* io trano io.

CAVERNEUX, EUSE, *adj.* 1° Be zohy, misy zohy. Pays —. Tany *be zohy,* etc. 2° *fig.* Il a une voix caverneuse. Hoatry ny feon'olona avy any an-davaka ny feony.

CAVITÉ, *sf.* Lavaka. Les oiseaux nichent dans les cavités des rochers. Ny voro-manidina manao akany eny anatin' ny *lavaky* ny vato.

CE, CET, *sing. m.* **CETTE,** *sing. f.*
CES, *pl. adj. dém.* Itý, itikitra, itony, itoy, ilay, itsý, itsony, io, ireny, ireo, ireto, iretsy, iroa, irerý, irerikitra, irý, izany, izato, izao, izarý, izaroa, izarony, iny. Voulez-vous — canif que j'ai entre les mains. Moa tianao *itý, itikitra, itoy, io, izany, iny* antsipika eto an-tánako *itý, itikitra, itoy, io, izany, iny.* Prenez ces livres que j'ai sous le bras. Raiso *itony, ireo, ireto* boky ato an-keliko *itony, ireo, ireto.* Apportez-moi cette chaise qui est près de vous. Ento atý amiko *itsý, io, iroa, izany* seza eo akaikinao *itsý, io, iroa, izany.* Donnez-moi cet objet que je vous ai demandé. Omeo ahy *ilay* zavatra nilaiko taminao. Enlevez ces balayures qui sont auprès de la porte Esory *itsony, ireo, ireny, ireto, iretsy, izany* fako akaikin' ny varavarana *itsony, ireo, ireny, ireto, iretsy, izany.* Poursuivez cet homme qui s'enfuit. Enjeho *irý, izaroa* olona mandositra *irý, izaroa.* Voyez-vous ces bœufs qui paissent sur la montagne? Moa hitanao *irerý, irerikitra, izarony* omby miraotra erý an-tendrombohitra *irerý, irerikitra, izarony.* Voyez ce peuple qui s'empresse. Jereo *izato, ireto* vahoaka midodododo *izato, ireto.* Dieu a créé cet univers. Andriamanitra nanao *izao* tontolo *izao.* Où est le chemin? C'est — chemin que vous suivez. Aiza ny lalana? *Iny* alehanao *iny* no izy.

CE, *pron. dém.* Izany, izy. C'est vrai. Marina *izany.* Allez le trouver, c'est un bon conseiller. Manatóna azy, fa mpanolo-tsaina tsara *izy.* ‖ *loc.* C'est toi-même que je cherche. Hianao hiany no tadiaviko. Est-ce bien mon ami que j'aperçois là-bas? Moa ny sakaizako tokoa irý tazako irý? Ce qui, ce que. Izay, ny. Voici ce qui se dit. Intý *izay, ny* lazain' ny olona. Je vous écrirai ce que je ferai. Hosoratako aminao *izay, ny* hataoko.

CECI, *pron. dém.* Itý, itikitra, izany, io. Prenez—. Ento *itý,* etc. Voulez-vous— ou cela? Moa tianao *itý, itikitra* sa itsy.

CÉCITÉ, *sf.* Hajambana. Il a été frappé de—dès le jeune âge. Azon' ny *hajambana* hatramy ny fony kely izy.

CÉDER, *va.* 1° Mahafoy, mamoy, manome, mamela. Il a cédé ses terres à son fils. *Nahafoy, namoy, namela* ny taniny (fanjakana) ho any ny zanany izy. Il céda la place à l'ennemi. *Nahafoy,* etc., ny tanána ho any ny fahavalo izy. 2°—, Mivarotra. Il a cédé son cheval pour cinquante piastres. *Nivarotra* ny soavaliny ariary dimam-polo izy.

—, *vn.* 1° Miletsy, mietry, mitambotsotra, milejo, milonjitra, milonjehitra, mipepo. La poutre cède sous le poids *Miletsy, mietry, mitambotsotra, milejo* ny sakamandimby azon' ny havesatry ny entana. Les branches cèdent sous le poids des fruits. *Milonjitra, milonjehitry* ny voany ny rantsan-kazo. L'enflure cède sous la pression des doigts. *Mipepo* ny mivonto raha tsindrian' ny rantsan-tánana. 2°—, Manaiky, manaraka, mikoy. Il faut— aux supérieurs. Tokony *hanaiky* ny lehibe.— à ses penchants. *Manaraka* ny fitongilanan-dratsiny. Les soldats cédèrent. *Nikoy* ny miaramila. 3°—, Latsaka. Il le cède à son frère en sagesse. *Latsaka* noho ny rahalahiny izy amy ny fahendrena.

CÉDILLE, *sf.* Rambon-tsoratra fanao ambanin' ny *C.*

CÈDRE, *sm.* Sedera, karazan-kazo lehibe sady maíy.

CEINDRE, *va.* 1° Manisy manodidina, manodidina.— une ville de fossés. *Manisy* hady *manodidina* ny tanána. Une corde lui ceignait les reins. Nisy tady anankiray *nanodidina* ny valahany. 2° *fig.*—le diadème. Tonga mpanjaka.— la tiare. Tonga papa.

Se ceindre, *vpr.* Manisy manodidina ny tenany, misikina, mikitamby, misalaka, misarandrana, mietra. Se — le front d'un diadème. *Manisy* satrok' andriana amy ny lohany. Les femmes se ceignent les reins avec le *kitamby. Mikitamby* ny vehivavy. Les hommes se cei-

gnent les reins avec le *salaka*. *Misalaka, misarandrana* ny lehilahy. Se— d'une ceinture. *Mietra*. Les femmes en travaillant se ceignent le corps jusqu' aux aisselles avec le *lamba*. Ny vehivavy manao *sikin*-tratra raha miasa.

CEINT, EINTE, *p.* et *adj.* Voahodidina, nohodidinina, hodidinina. Il avait le front—de fleurs. *Voahodidina* fehiloha voninkazo ny lohany.

CEINTURE, *sf.* 1° Etra, fehikibo, santiry. Un cordon forme sa—. *Mietra* kofehy izy. Il porte une épée à sa—. Mitondra zepé amy ny *fehikibony* izy. —du pantalon. *Santirim*-pataloha. 2°—, Valahana. Ils avaient de l'eau jusqu'à la—. Nirobodrano *havalahana* izy ireo. 3°—, Manodidina. Une —de fossés protège la ville. Arovan' ny hady *manodidina* ny tanàna.

CEINTURIER, *sm.* Mpanao etra,—fehikibo.

CEINTURON, *sm.* Fehikibo hoditra. J'ai perdu le— de mon épée. Veriko ny *fehikibo hoditra* fihantonan' ny zepeko.

CELA, *pron. dém.* Itsý, io, izany. Apportez-moi —. Ento aty amiko *itsy, io, izany*. Préférez-vous ceci ou —? Moa aleonao itý sa *itsý, io?*

CÉLÉBRANT, *sm.* Mpanao lamesa, pretra mpitarika fivavahana ao an-trano leglizý.

CÉLÉBRATION, *sf.* Fanaovàna lamesa,— mariazy, etc.

CÉLÈBRE, *adj.* Malaza, manan-daza, mandeha laza, manehoeho, maketrika, mangetriketrika. C'est un roi — par ses victoires. Mpanjaka *malaza, manan-daza, mandeha laza, manehoeho* noho ny fandreseny izy. Une fête—. Andro fety *malaza, maketrika*. La justice de S^t. Louis l'a rendu—. Ny fahamarinany Md. Louis no *nahalaza, nampandeha laza azy, nampanehoeho, nampangetriketrika* ny lazany. Se rendre—. Mahazo *laza*.

CÉLÉBRER, *va.* 1° Mankalaza. —la bonté de Dieu. *Mankalaza* ny hatsarampon' Andriamanitra. 2°—, Manao. —une fête. *Manao* fety.— la messe *Manao* lamesa.— un mariage. *Manao* mariazy.

CÉLÉBRITÉ, *sf.* 1° Laza. 2°—, Olo-malaza. C'est une — de nos temps. *Olo-malaza* ankehitriny izy.

CELER, *va.* Manafina.—un dessein. *Manafin*-pikasana.

Se celer, *vpr.* Mihiboka, mifahy.

CÉLERI, *sm.* Selerý, karazan' anana.

CÉLÉRITÉ, *sf.* Fahafainganana, hafainganana. Cette affaire demande de la—. Tsy maintsy hatao *haingana* izany raharaha izany.

CÉLESTE, *adj.* 1° Any an-danitra, any amy ny habakabaka. Les esprits célestes. Ny fanahy *any an-danitra*. Les corps célestes. Ny astra *any amy ny habakabaka*. Bleu—. *Vodilanitra*. Mettez du bleu—aux murs. Ataovy *vodilanitra* ny rindrina. 2°—, Avy amin' Andriamanitra. Apaisez la colère—. Ampionony ny hatezeran' *Andriamanitra*. 3° *fig.* Mahagaga, avy any an-danitra. Sa beauté était toute—. *Nahagaga,* hoatry ny nitsororoka *avy tany an-danitra* ny hatsaran-tarehiny.

CÉLIBAT, *sm.* Fananotena. Vivre dans le—. *Mananotena*.

CÉLIBATAIRE, *sm.* et *adj.* Mpananotena. Femme—. Vehivavy *mpananotena*.

CELLE, *pron.* Voy. Celui.

CELLIER, *sm.* Magazay fitahirizan-divay sy hanina.

CELLULAIRE, *adj.* Miefitrefitra, mitranotrano. Le systéme—. Fandatsahana ny olo-meloka tsirairay ao amy ny *efitra* mitsitokantokana.

CELLULE, *sf.* 1° Efi-trano madinika itoeran'ny relijiozy,—ny ao an-tranomaizina. 2°—, Efitrefitra, tranotrano. Les cellules d'une grenade. Ny *efitrefitra*, ny *tranotranon'* ny voan' ampongabendanitra. 4°—, Masontantely. Comme Alvéole.

CELLULEUX, EUSE, *adj.* Miefitrefitra, mitranotrano. Fruit —. Voankazo *miefitrefitra*, etc.

CELUI, CELLE, *pron. dém.* **CEUX, CELLES,** *pl.* Ilay, ireo. Voici—, celle dont je vous ai parlé hier. Indro *ilay* noresahiko taminao omaly. Connaissez-vous ceux. celles que nous avons rencontrés? Fantatrao va *ireo* nifanena taminisika ireo?

CELUI-CI, CELLE-CI, *pron. dém.* **CEUX-CI, CELLES-CI,** *pl.* Ity, itikitra, itony, ireto, ilay ity, ikala ity, ilay ireto, ikala ireto.

CELUI-LÀ, CELLE-LÀ, *pron. dém.* **CEUX-LÀ, CELLES-LÀ,** *pl* Io, itsy, irokatra, iroa, irý, ilay io, ilay iroa, ilay itsý, ilay itsiana, ikàla iroa, etc., ireny, iretsy, irerý, ireroa, ire-

rokatra, ilay iretsy, ikala iretsy. De ces élèves celui-ci est plus sage que celui-là. Amin' ireo mpianatra roa lahy ireo *ilay ity, ilay itikitra* no hendry kokoa noho *ilay io, ilay iroa, ilay irokatra, ilay itsy, ilay itsiana*. Celle-ci sait mieux coudre que celle-là. *Ikala ity* mahay manjaitra *tsaratsara* kokoa noho *ikala iroa, ikala itsy, ikala itsiana*. Ceux-ci iront au sud, et ceux-là au nord. *Ilay ireto* hianatsimo, ary *ilay iretsy, ilay ireroa* hianavaratra. Celles-ci écriront et celles-là joueront. *Ikala ireto* hanoratra ary *ikala iretsy* hilalao. Lequel préférez-vous de ces deux livres ? Je préfère celui-là. Iza no fidinao amin' ireo boky roa ireo ? Aleoko *io, itsy, iroa, iry, irokatra*. Parmi ces diverses pièces d'étoffe celles-ci sont plus solides que celles-là. Amin' ireo gora samihafa ireo dia *ireto, ireo* no mafimafy kokoa noho *iretsy, ireroa, irerokatra*.

CÉNACLE, *sm*. Trano nanaovany Jeso-Kristy fihinanana farany.

CENDRE, *sf*. 1° Lavenona. Les Ninivites se couvrirent de—. Nitoto-*davenona* ny mponina tany Niniva. Le mercredi des cendres. Ny alarobia andron' ny *lavenona*. ‖ *loc*. Feu caché sous la—. Otrik' afo. Faites cuire ces patates sous la—. Aotreho ao anaty afo ireo vomanga ireo. Réduire une ville en cendres. Mandoro, mamongotra tanána. 2°—, *pl*. Faty. Pleurer sur les cendres d'une mère. Mitomany *faty* an-dreniny.

CENDRÉ, ÉE, *adj*. Mangavoka, vasoka.

CENDREUX, EUSE, *adj*. Be lavenona.

CÈNE, *sf*. 1° Fihinanana farany nataony Jeso-Kristy. 2°—, Fandraisan' ny protestanta.

CÉNOBITE, *sm*. Relijiozy taloha.

CÉNOBITIQUE, *adj*. Momba ny relijiozy taloha.

CENS, *sm*. 1° Fanisana ny mponina fanaon' ny Romana. 2°—, Hetra.

CENSÉ, ÉE, *adj*. Atao ho. Il est—avoir commis cette faute. *Atao ho* nanao izany heloka izany izy.

CENSEUR, *sm*. 1° Lehibe tamy ny Romana mpikarakara ny mponina sy mpanoratra ny isany. 2°—, Mpaniny, mpanakiana, mpanitsy. 3°—, Mpitsara laha-teny. Consulter un—éclairé. Maka hevitra amin' olona mahay *mitsara laha-teny*.

CENSURABLE, *adj*. Azo tsinina, azo omena tsiny, faniny. Conduite—. Fitondran-tena *azo tsinina, faniny*.

CENSURE, *sf*. Tsiny, faniniana, fanakianana, fanitsiana. Soumettre ses écrits à la —de quelqu'un. Manome ny boky nataony mba *hotsinina, hokianina, hahitsin'*olona.

CENSURER, *va*. Maniny, manome tsiny, manakiana, manitsy.

CENT, *adj*. 1° Zato.— ans avant Jésus-Christ. *Zato* taona talohany Jeso-Kristy. Il est mort à l'âge de—dix ans. Nahatratra folo amby zato taona izy vao maty. Tous les—ans. Isan-*jato* taona.—fois. In-*jato*. Le riz a produit —pour un. Namoa *zato* heny ny vary. Mon argent me rapporte douze pour—. Miteraka roa amby ny folo isan-*jato* ny volako. 2°—, Fahazato. Page—. Pejy *fahazato*. 3°—, Betsaka. On peut trouver— raisons pour cela. Antony *betsaka* no azo anamarinana izany. Je vous l'ai dit—fois. Voalazako im*betsaka*, in-jato kely taminao izany.

—, *sm*. Zato. J'ai acheté un—d'œufs. Nividy atodiakoho *zato* aho.

CENTAINE, *sf*. 1° Zato, tokony ho zato. Il y a une—d'épingles dans cette boîte. Misy paingotra *zato, tokony ho zato* amin' ity vata kely ity. Par centaines. *Tsizatozato*. Séparez-les par centaines. Tsinjarao ho *tsizatozato* ireo. 2°—. Fahazato taona. Ce vieillard a atteint la—. Nahatratra ny *fahazato taonany* io lahiantitra io. 3°—, Zato, an-jatony. La colonne des centaines. Ny laharan' ny *zato*, etc., 4°—, Betsaka. Ils arrivèrent par centaines. Tonga *betsaka* izy ireo.

CENTENAIRE, *adj*. et *s*. Nahatratra zato taona. Un—, un vieillard—. Olona *nahatratra zato taona*.

—, *sm*. Fitsingerenan' ny andro anankiray isan-jato taona. Aujourd'hui c'est le troisième—de sa mort. Anio no *fitsingerenan'* ny fahatelon-*jato taonan'* ny nahafatesany.

CENTENIER, *sm*. Tompon-jato, kapiteny tamy ny Romana.

CENTIARE, *sm*. Ny ampahazaton' ny are.

CENTIÈME, *adj*. Fahazato. Il est le—. *Fahazato* izy.

—, *sm*. Ny ampahazatony. Les cinq centièmes. Ny dimy *ampahazatony*.

CENTIGRADE, *adj*. Voazara zato. Thermomètre—. Termometra *voazara zato*.

CENTIGRAMME, *sm.* Ny ampahazaton' ny grama.

CENTILITRE, *sm.* Ny ampahazaton' ny *litre*.

CENTIME, *sm.* Ny ampahazaton' ny *franc*.

CENTIMÈTRE, *sm.* Ny ampahazaton' ny metatra.

CENT-PIEDS, *sm.* Trambo.

CENTRAL, ALE, *adj.* Ampovoany. anivo. Point—. Ny *afovoany*, ny *anivony*. Tananarive est le point—de Madagascar. Antananarivo no *afovoany, anivo ny* Madagaskara.

CENTRALISATION, *sf.* Famoriana, fanangonana.

CENTRALISER, *va.* Mamory, manangona. —les troupes dans une ville. *Mamory, manangona* ny miaramila ao amy ny vohitra anankiray.

CENTRE, *sm.* 1° Ny ampovoany, ny afovoany, ny anivony, ny an-kibo, ny antenatena. Le—de la terre. Ny *ampovoany*, ny *afovoan'* ny tany. Le palais est au—de la ville. Ao *ampovoany, afovoany, anivon'* ny tanána ny lapa. Le—du royaume. Ny *ampovoany*, ny *afovoany*, ny *anivony*, ny *an-kibon'* ny fanjakana. Les soldats se lancèrent sur le—de l'armée ennemie. Ny miaramila nirotsaka namely ny tao *an-kibony, an tenatenan'* ny tafiky ny fahavalo 2°—, Foi-be. —d'attraction. *Foi-be* manintona. 3° *fig.* Foibe. Tamatave est un—de commerce. Toamasina no *foi-bem*-pandrantoana. 4°—, Izay tiana Il est dans son—. Ao amy ny *tiany* izy.

CENTUPLE, *sm.* In-jato, in-jato heny Dieu donne le—à ceux qui le servent. Omen' Andriamanitra *in-jato heny* izay manompo azy.

—, *adj.* In-jato.

CENTUPLER, *va.* Mampitombo in-jato, —in-jato heny. Centuplez ce nombre. *Ampitomboy in-jato* io isa io. —sa fortune. *Mampitombo* ny hareny *in-jato heny*.

CENTURION, *sm.* Tompon-jato, kapiteny. Comme CENTENIER.

CEP, *sm.* Foto-boaloboka.

CEPENDANT, *conj.* Kanefa, nefa, kanjo, sangy, fangy. — il résista. *Kanefa*, etc., nanohitra izy.

CERCEAU, *sm.* Fehim-barika. Jouer au—. Manakodia *fehim-barika*.

CERCLE, *sm.* 1° Vorivory, kivorivory, fari-bolana. Faites un—sur le papier. Manaova *vorivory*, etc., eo amy ny taratasy. 2°—, Fehim-barika. Mettez quatre cercles de fer à cette barrique. Asio *fehim-barika* vy efatra io barika io. 3°—, Fari-bolana manodidina, fitangoronana, fivoriana. Ils formèrent un—autour de lui. Nanao *fari-bolana manodidina* azy. *nitangorona* azy izy ireo. Un petit —d'amis. *Fivorian'* ny sakaiza vitsivitsy. 4° *fig.* Kolotany. Agrandir le—de ses connaissances. Manitatra ny *kolotanim*-pahaizany. 5°—, Fitsingerina, fiverimberina. La vie est pour nous un—de douleurs. Mandritra ny andro iainantsika *mitsingeringerina, miverimberina* ny alahelo

CERCLER, *va.* Manisy fehim-barika.

CERCUEIL, *sm.* 1° Vata filevenana, vatam-paty. Il a été enseveli dans un—le plomb. Nalevina tamy ny *vata* firaka izy. 2° *fig.* Fahafatesana. C'est à la guerre qu'il a trouvé un—. Tany *an-tafika* no *nahafatesany*.

CÉRÉALE, *adj.* et *sf.* Varim-bazaha samihafa karazana azo anaovana mofo.

CÉRÉBRAL, ALE, *adj.* Ao amy ny ati-doha. Nerfs cérébraux. Hozatra *ao amy ny ati-doha*.

CÉRÉMONIAL, *sm.* 1° Fomba fanao amy ny fivavahana na akaikin' ny mpanjaka. 2°—, Boky milaza ny fomba fanao amy ny fivavahana.

CÉRÉMONIE, *sf.* 1° Seremonia, fombam-pivavahana fanao. La—du mariage. Ny *seremonia, fombam-pivavahana fanao* amy ny mariazy. Les cérémonies de l'ancienne loi. Ny *fombam-pivavahana fanao* tamy ny lalána taloha. 2°—, Fomba fanajana. Il reçoit les étrangers avec grande—. Mandray ny vahiny amy ny *fomba fanajana* lehibe izy. 3° *fig.* Fomba fanajana mianganongano,—miangesongeso. C'est un grand faiseur de cérémonies quand il reçoit quelqu' un. Be *anganongano*, be *angesongeso* loatra izy raha mandray olona.

CÉRÉMONIEUX, EUSE, *adj.* Be anganongano amy ny fomba fanajana.

CERF, *sm.* Biby manan-tandroka misampantsampana, serfa.

CERF-VOLANT, *sm.* Papango baza.



CERISE, *sf*. Serizy.
—, *adj*. Mivolon-tserizy, mena.
CERISIER, *sm*. Foto-tserizy.
CERNER, *va*. Manodidina, manarona. Nos soldats cernèrent l'armée ennemie. *Nohodidinina, nosaronan'* ny miaramilantsika ny tafiky ny fahavalo.
CERTAIN, AINE, *adj*. 1° Marina tokoa, tsy misy isalasalana. Ce que je vous ai dit est—. *Marina tokoa*, etc., izay voalazako anao. 2°—, Mahalala marina, mahafantatra marina. Je suis— que cela est vrai. *Mahalala marina* aho, *fantatro marina* fa tokoa izany. 3°—, Anankiray, sasany, raikitra, hiany. J'ai ouï dire à un — homme. Efa reko olona *anankiray* nanao hoe. Ils s'assemblent à certaines époques de l'année. Miangona amy ny andro *sasany, raikitra* ao anatin'ny taona izy ireo. Certaines gens ne veulent pas croire. Ny olona *sasany* tsy mety mino. Il y a un— temps qu'il n'a pas paru. Misy andro *sasany* izay tsy nisehoany. Il a un— mérite. Mendrika *hiany* izy.
—, *sm*. Ny tsy misy isalasalana. Quitter le—pour l'incertain. Miala amy *ny tsy misy isalasalana* ho amy ny misy isalasalana.
CERTAINEMENT, *adv*. Marina tokoa, tsy misy isalasalana, eny. Il est—le plus habile. *Marina tokoa, tsy misy isalasalana* fa izy no mahay indrindra. Savez-vous cela?—. Moa fantatrao izany? *Eny*.
CERTES, *adv*. Marina tokoa. Oui,—. Eny, *marina tokoa*.
CERTIFICAT, *sm*. Taratasy manamarina, taratasy vavolombelona. Apportez-moi votre—de baptême. Ento aty amiko ny *taratasy manamarina*, etc., fa vita batemy hianao.
CERTIFIER, *va*. Milaza marina. Je vous certifie qu'il en est ainsi. *Milaza marina* aminao aho fa izany no izy.
CERTITUDE, *sf*. 1° Fahalalana marina, fahafantarana marina. J'ai la—qu'il sera tué. *Mahalala marina* aho, *fantatro marina* fa hovonoin-ko faty izy. 2°—, Faharetana. Il n'y a aucune—dans les choses de ce monde. Tsy misy *maharitra* amy ny zavatry ny tany.
CÉRUMEN, *sm*. Tain-tsofina, tain-tadfiny.
CÉRUSE, *sf*. Karazan-doko fotsy.
CERVEAU, *sm*. 1° Ati-doha. 2° *fig*. Saina, ati-doha, ron-doha. C'est un—étroit. Kely *saina, ati-doha* izy. Il a le—malade. Very *saina* izy. Il se creuse le—pour produire un ouvrage. Mandany *ron-doha* mba hanao boky anankiray izy.
CERVELLE, *sf*. 1° Ati-doha.—de bœuf. *Ati-dohan*-kena. 2° *fig*. Saina, ati-doha, ron-doha. C'est une tête sans—. Kely *saina*, tsy manan-*tsaina*, kely *ati-doha*, tsy misy *ati-doha* izy.
CERVICAL, ALE, *adj*. Ao amy ny vozona. Vertèbres cervicales. Taolam-*bozona*.
CESSANT, ANTE, *adj*. Mitsahatra, mijanona.
CESSATION, *sf*. Fitsaharana, fijanonana.
CESSE, *sf*. Fitsaharana, fijanonana. Il n'aura point de—qu'il n'ait obtenu ce qu'il demande. Tsy *hitsahatra, hijanona* izy raha tsy efa azony izay angatahiny.
Sans cesse, *loc. adv*. Mandrakariva, lalandava, tsy an-kijanona. Parler sans—. Miteny *mandrakariva, lalandava*. Travailler sans—. Miasa *mandrakariva*, etc.
CESSIBLE, *adj*. Azo afoy.
CESSER, *vn*. Mitsahatra, mijanona. Il cessa de parler. *Nitsaha*-nitony izy. Cessez de vous affliger. *Atsaharo, ajanony* ny alahelonao.
—, *va*. Manatsahatra, mampitsahatra, mampijanona. Cessez vos plaintes. *Atsaharo, ajanony* ny fitarainanao.
CESSION, *sf*. Famoizana, fahafoizana, famelana. Il fit—de tous ses biens à ses créanciers. *Namoy, nahafoy, namela* ny hareny rehetra ho any ny tomponitrosa izy.
CESSIONNAIRE, *s*. Izay amoizan-javatra.
C'EST-À-DIRE, *conj*. Izany hoe.
CET, CETTE, *adj. dém*. Voy. Ce.
CÉTACÉ, ÉE, *adj*. et *sm. pl*. Hazandrano lehibe toy ny trozona.
CHACAL, *sm*. Karazan' amboadia.
CHACUN, UNE, *pron. indéf*. 1° Samy, isam-batana, isan' olona, avy, avokoa, tsirairay. Ils reçurent—un sou. *Samy* nahazo variitoventy *isam-batana*, etc., izy rehetra. Allez-vous en—chez vous. *Samia* mody any aminareo.— sait ce qu'il a dans le cœur. *Samy* mahalala izay ao am-pony. 2°—, Ny olona.—en parle. Resahin' *ny olona* izany.

CHAGRIN, *sm.* 1° Alahelo. Sa mère est morte de—. Matin'*alahelo* reniny 2°—, Alahelohelo, hasorisorena, hasosorana. Votre admonestation lui a causé du—. *Nampalahelohelo*, *nahasorisorena*, *nahasosotsosotra* azy ny fananarana nataonao. 3°—, Hoditrimo. Mettez à ce livre une couverture en peau de—. Fonosy *hoditrimo* io boky io.

CHAGRIN, INE, *adj.* 1° Malahelo. 2°—, Malahelohelo, sorisorena, sosotsosotra.

CHAGRINANT, ANTE, *adj.* 1° Mampalahelo. 2°—, Mampalahelohelo, mahasorisorena, mahasosotsosotra.

CHAGRINÉ,ÉE, *adj.* 1° Malahelo. 2°—, Malahelohelo, sorisorena, sosotsosotra. 3°—, Mandrotsirotsy. Peau chagrinée. Hoditra *mandrotsirotsy*.

CHAGRINER, *va.* 1° Mampalahelo, mahalahelo. Voilà ce qui le chagrine. Izany no *mampalahelo*, etc., azy. 2°—, Mampalahelohelo, manorisory, mahasorisorena, mahasosotsosotra. Cet enfant chagrine ses camarades. Io zaza kely io *mampalahelohelo*, etc., ny namany

Se chagriner, *vpr.* 1° Malahelo. 2°—, Sorisorena, sosotsosotra.

CHAÎNE, *sf.* 1° Rojo, gadra.—de montre. *Rojom*-pamantaranandro. —d'arpenteur. *Rojo* fandrefesana. —pour amarrer les pirogues. *Gadran*-lakana. Attachez ce chien avec une—. *Gadrao* io alika io. 2°—, Tandavana, tetezan' olona. —de montagnes. *Tandavan*-tendrombohitra. Faire la — pour éteindre un incendie. Manao *tetezan' olona* ny rano hamonjena hain-trano. 3°—, Tenantenona. 4° *fig.* Fanandevozana. Ces peuples ont rompu leurs chaines. Nanafatena tamy ny *fanandevozana* ireo firenena ireo. 5°—, Fitohitohizana, fifandimbasana. La— de mes idées est rompue. Very ny *fitohitohizan'* ny hevitro. Cela forme une— d'occupations continuelles. Mahatonga raharaha *mifandimby* lalandava izany.

CHAÎNETTE, *sf.* Rojo madinika.

CHAÎNON, *sm.* Mason-drojo. La chaine s'est rompue, il y a trois chainons de perdus. Tapaka ny rojo ka very ny *masony* telo.

CHAIR, *sf.* 1° Nofo. La—recouvre les os. Ny *nofo* manarona ny taolana. —de pêche. *Nofom*-paiso. 2°—, Hena —de mouton. *Hen'* ondry 3° *fig.* Vatana, nofo, filan-dratsy. Je crois à la résurrection de la—. Izaho mino ny hitsanganan' ny *vatana* amy ny maty. La—est faible. Mora reraka ny *nofo*. Il sait dompter sa—. Mahay mamolaka ny *vatany*, etc., izy. ‖ *loc.* Cela fait venir la — de poule. Mampihoron-koditra izany.

CHAIRE, *sf.* 1° Polpitra. Le prédicateur va monter en—. Efa hiakatra amy ny *polpitra* ny mpitory teny. 2°—, Fitorianteny. Il a du talent pour la— Mahay *mitory teny* izy 3°—, Fipetrahana, fiketrahana, fampianarana. Le professeur est en—. Ao amy ny *fipetrahany* ny mpampianatra. Le Pape est assis sur la — de S[t] Pierre. Mipetraka ao amy ny *fiketrahany* md. Piera ny Papa. Il a été nommé à une — d'éloquence. Voatendry ho *mpampianatra* ny fahaizana mandaha-teny izy.

CHAISE, *sf.* Seza. —percée. *Seza* loaka. ‖ —de poste. Kalesy maivana. —à porteurs. Filanjána.

CHALAND, ANDE, *s.* Mpividy, mpanao trano fantatra. Ce marchand a beaucoup de chalands. Be *mpividy*, etc., io mpivarotra io.

CHALAND, *sm.* Salána.

CHÂLE, *sm.* Sály.

CHALET, *sm.* Trano kotona mahafinaritra.

CHALEUR, *sf.* 1° Hafanana, fanevokevoka, hainandro, figaingaina, fidaindaina, fangotraka. La—du feu. Ny *hafanan'* ny afo. La — du soleil. Ny *hainandro*. Les chaleurs de l'été. Ny *hafanana*, ny *fanevokevoky* ny andro, ny *hainandro* raha fahavaratra. Il fait une — étouffante. *Migaingaina*, *midaindaina* ny andro. La — de la fièvre. Ny *fangotraky* ny tazo. 2° *fig* Firehitra, hafanana, hafanam-po. Son discours est plein de—. *Mirehidrehitra*, *mafanafana*, misy *hafanam-pó* ny laha-teniny. Il parle avec—. Miteny amin-*hafanam-pó* izy. 3°—, Zotom-pó, harisihana. Il pousse cette affaire avec—. Mampandroso izany raharaha izany amin-*jotom-pó*, etc., izy

CHALEUREUSEMENT, *adv.* Amin-kafanam-pó, an jotom-pó, an-karisihana.

CHALEUREUX, EUSE, *adj* Mirehidrehitra, mafána, misy hafanam-pó.

CHALOUPE, *sf.* Salopy.

CHALUMEAU, *sm.* Volotara, zavatra poaka aty.—pour souffler le feu. *Volotara*, etc., fitsofana afo. 2°—, Sodina, tsotsóka lava.

CHAMAILLER, *vn.* et **Se chamail-**

ler, *vpr.* Mifanjihitra, manao ady antsanga. Ils se chamaillent sans cesse. *Mifanjihitra*, etc., mandrakariva izy ireo.

CHAMAILLIS, *sm.* Fifanjihitra, ady antsanga.

CHAMARRER, *va.* Mandravaka, mampihaingo, mandrenty. —un habit. *Mandravaka*, etc., akanjo.

Se chamarrer, *vpr.* Miravaka be loatra, mihaingo—, manao haingon'adala.

CHAMARRURE, *sf.* Ravaka, haingo, renty; haingon' adala.

CHAMBRANLE, *sm.* Tavan-dafaoro, filiorom-baravarana.

CHAMBRE, *sf.* 1° Efitra. — à coucher. *Efitra* fandriana. ‖ *loc.* Garder la —. Mihiboka. Ce malade garde la—. *Mihiboka* ao an-trano io marary io. 2°—, Trano fivoriana, fivoriana, parlementa. La — des députés. Ny *trano fivoriana*, ny *fivorian'* ny solombavam-bahoaka, ny *parlementa* ambany. La — des députés a été contre. Nanohitra izany ny *parlementa* ambany. La—des Lords. Ny *parlementa* ambony any Englanda. La — des communes. Ny *parlementa* ambany any Eglanda. —de commerce. *Fivoriana* momba ny varotra.

CHAMBRÉE, *sf.* Iray efi-trano. Toute la—causait joyeusement. Finaritra nikorána ny *iray efi-trano* rehetra.

CHAMBRETTE, *sf.* Efi-trano kely.

CHAMBRIÈRE, *sf.* 1° Mpanompovavy. 2° —, Hazo fanohanana ny tanan-tsarety.

CHAMEAU, *sm.* Rameva, angamenavava.

CHAMELIER, *sm.* Mpiandry rameva.

CHAMELLE, *sf.* Ramevavavy.

CHAMP, *sm.* 1° Tany, tory. — de blé. *Tanim*-barim-bazaha. — de patates. *Tanim*-bomanga, *torim*-bomanga. — de Mars. *Tany* fanaova-matso. — du repos. *Tany* fandevenana. — de bataille. *Tany* iadiana. 2° *fig.* Lalana, zavatra, raharaha. Voilà un beau—pour arriver à la gloire. Indro ny *lalana* tsara mahatonga amy ny voninahitra. Voici un beau — pour déployer vos talents. Izao no *zavatra, raharaha* tsara hampisehoanao ny fahaizanao. ‖ *loc.* Laisser à quelqu'un le—libre. Mampanaram-pó olona. Avoir le—libre. Mahazo manarampó. 3°—, *pl.* Saha. Courir les champs. Mandehandeha any an-*tsaha*.

Sur-le-champ, *loc. adv.* Vetivety, haingana, miaraka amin' izay, miaraka amy ny vava. Répondre—. Mamaly *vetivety*, etc.

A tout bout de champ, *loc. adv.* Matetika. Il se fâche—. Tezitra *matetika* izy.

CHAMP (DE), *loc. adv.* Mihorirana. Mettez cette pierre de taille de—. *Ahorirano* io vato voapaika io.

CHAMPAGNE, *sm.* Sampaina.

CHAMPÊTRE, *adj.* Eny an-tsaha. Il aime les travaux champêtres. Tiany ny asa *eny an-tsaha*. Garde—. Mpiambina ny *any an-tsaha*.

CHAMPIGNON, *sm.* Holatra.

CHAMPION, *sm.* 1° Mpiady. C'est un valeureux—. *Mpiady* mahery fo izy. 2° —, Mpiaro. C'est un — de la religion. *Mpiaro* ny fivavahana izy.

CHANCE, *sf.* 1° Zavatra sendrasendra, rasa, ny tokony hatahorana sy ny azo antenaina. Courir la—. Comme HASARDER. La — a tourné. Nivadika ny *rasa*. Calculer les chances. Mandinika *ny tokony hatahorana sy ny azo antenaina*. Il a des chances d'arriver à une longue vieillesse. *Azo antenaina* ho tratra antitra izy. 2°—, Zara, vintana tsara, fanambinana. Il a de la—. Manan-*jara, vintanina*, manam-*bintana, ambinina* izy.

CHANCELANT, ANTE, *adj.* 1° Mivembena, mitsivembena, mirondrona, mivezimbezina, mirepirepy. Aller d'un pas—. *Mivembena*, etc. 2° *fig.* Misalasala, miherohero, mihevaheva, mitsingevahevy, miroahana, miahanahana. Esprit—. Saina *misalasala*, etc. 3°—, Malemy, osa, somazotsazoka, mirona. Il a une santé chancelante. *Somazotsazoka* izy.

CHANCELER, *vn.* 1° Mivembena, mitsivembena, mirondrona, mivezimbezina, mirepirepy. Il chancelle comme un homme ivre. *Mivembena* etc., ohatry ny olona mamo izy. 2° *fig.* Misalasala, miherohero, mihevaheva, mitsingevaheva, miroahana, mihanahana. Il chancelle dans ses opinions. *Misalasala*, etc., ny heviny. 3°—, Malemy, osa, mirona. Le royaume chancelle. *Malemy*, etc., ny fanjakana.

CHANCELIER, *sm.* Mpitahiry fitomboky ny fanjakana.

CHANCELLEMENT, *sm.* Fivembena, fitsivembena, firondrona, fivezimbezina, firepirepy.

CHANCELLERIE, *sf.* Trano fanisiana fitomboky ny fanjakana.

CHANCEUX, EUSE, *adj.* 1° Ambinina. Il est—. *Ambinina* izy. 2°—, Misy isalasalana, mila vintana. Cette affaire est fort chanceuse. *Misy isalasalana,* etc., izany raharaha izany.

CHANCRE, *sm.* Fery mihady, kobay, boiboika.

CHANDELIER, *sm.* Fanaovan-jiro.

CHANDELLE, *sf.* 1° Labozy, jiro. 2° *fig.* C'est une économie de bouts de—. Fahihirana lozan-tany izany. Brûler la — par les deux bouts. Mitevy fananana, manadodadoda harena. Se brûler à la—. Manao ohatry ny lolo mitono tena. Le jeu ne vaut pas la—. Tsy mahaleo ny sarany ny vidiny.

CHANFREIN, *sm.* Solila.

CHANFREINER, *va.* Manasolila. — une pierre de taille, une planche. *Manasolila* vato voapaika, hazo fisaka.

CHANGE, *sm.* 1° Takalo, fanakalozana. Il a perdu au—. Resy *takalo* izy. 2°—, Takalom-bola ampitondraina amy ny vohitra hafa, sandan-takalom-bola. Lettre de—. Taratasy milaza *takalom-bola ampitondraina amy ny vohitra hafa.* Le — a augmenté. Nisondrotra ny *sandan-takalom-bola.* 3° *fig.* Donner le—. Mamitaka.

CHANGEANT, ANTE, *adj.* Miovaova. Le temps est bien—. *Miovaova* ny andro. C'est un esprit—. *Miovaova* izy.

CHANGEMENT, *sm.* Fanovana, fiovana, fiovaovana.

CHANGER, *va.* 1° Manakalo. —un livre contre un autre. *Manakalo* boky boky hafa. —une piastre. *Manakalo* farantsa. 2°—, Manolo. —sa plume. *Manolo* ny peniny. 3°—, Manova, mampody, mampanjary. —une loi. *Manova* lalàna. Jésus changea l'eau en vin. Jeso *nanova nampody, nampanjary* ny rano ho divay.

—, *vn.* Manolo, miova, mifindra, miovaova. —d'habit. *Manolo, miova* akanjo. — de pays. *Mifindra* fonenana. Le caméléon change de couleur. *Miovaova* soratra ny tana. Il change aisément. Mora *miova, miovaova* izy.

Se changer, *vpr.* 1° Miova, mody, manjary, tonga, miha....... Votre tristesse se changera en joie. Ny alahelonao *hiova, hody, hanjary,* ho *tonga* hafaliana. La baguette se changea en serpent. *Niova, nody, nanjary, tonga* bibilava ny rotsa-kazo. Il s'est changé en bien. *Niova, nanjary* ho tsara, *tonga* tsara, *nihatsara* izy. 2°—, Manolo akanjo, miova akanjo.

CHANGEUR, *sm.* Mpanakalo vola.

CHANOINE, *sm.* 1° Pretra nahazo fiamboniana tamy ny eveka.

CHANSON, *sf.* 1° Tonon-kira, hira, kalo. Il a fait une nouvelle—. Nanao *tononkira,* etc., vaovao izy. Il répète la même —. Manao *kalo* ridralava izy ; *fig.* mamerimberin-teny izy. 2° *fig.* Angano, arira. Il conte des chansons. Milaza *angano, arira* izy.

CHANSONNER, *va.* Manao tonon-kira fanarabiana.

CHANSONNETTE, *sf.* Kalokalo, vazovazo. Chanter des chansonnettes. *Mikalokalo, mivazovazo.*

CHANSONNIER, IÈRE, *s.* Mpamorona tonon-kira, —hira.

CHANT, *sm.* 1° Hira, tonon-kira. —harmonieux. *Hira* miraondraona. —funèbre. *Hira,* etc., malahelo. 2°—, Faneno, fitsiatsiaka. Ecoutez le — des oiseaux. Henoy ny *fanenon'* ny vorona. Il se lève au — du coq. Mifoha *maneno* akoho izy. Le — du cardinal. Ny *fitsiatsiahy* ny fody.

CHANTANT, ANTE, *adj.* Mora hiraina. Air—. Hira *mora hiraina.*

CHANTER, *va.* 1° Mihira. —un cantique. *Mihira* hira fivavahana. 2°—. Midera, mankalaza. —la gloire de Dieu. *Midera, mankalaza* ny voninahitr' Andriamanitra. 3°—. Milaza angano. Que me chantes-tu là ? *Angano* inona izany *lazain'* ialahy amiko ?

—, *vn.* 1° Mihira. —bien. *Mihira* tsara. ‖ *loc.* —faux. Mivalam-peo, diso faka feo. —au passage du souverain. Manatoa andriana. —à la suite du souverain. Miantsa. 2°—, Maneno, mitsiatsiaka. 3° —, Manangolangola feo. Il chante en lisant. *Manangolangola feo* izy raha mamaky teny.

CHANTERELLE, *sf.* Jy.

CHANTEUR, EUSE, *s.* Mpihira, mpikalo, mpivazo, mpiantsa. Chanteuse suivant la reine. *Mpiantsa.*

CHANTIER, *sm.* 1° Fitoeran-kazo amidy. 2°—, Tokotany fiasana. 3°—, Fitoerana fanaovan-tsambo. Le navire est

sur le—. *Atao* ny *sambo*. 4° *fig.* Mettre un ouvrage sur le—. Manomboka boky.

CHANTOURNER, *va.* Manao tanjomiolaka amy ny hazo didiana,— amy ny vato paihina, etc.

CHANTRE, *sm.* Mpihira ao an-trano leglizy.

CHANVRE, *sm.* Rongony. C'est un fumeur de—. Mpifoka *rongony* izy.

CHAOS, *sm.* 1° Fifanjevoan-javatra talohan' ny nandaharan' Andriamanitra izao tontolo izao. 2° *fig.* Fifanjevoana, fifangaroharoana. Sa bibliothèque est un —. *Mifanjevozevo, mifangaroharo* ny bokiny rehetra.

CHAPE, *sf.* Sapy.

CHAPEAU, *sm.* Satroka. —à haute forme. *Satro*-borozano. —à claque. *Satro*-pisaka. —de feutre. *Satro*-bonia. Porter —, mettre son—. *Misatroka.* Mettre—bas. Miala *satroka*, mipoa-*tsatroka*, mipotra-*tsatroka.*

CHAPELAIN, *sm.* Pretra manao lamesa ao amy ny lasapelin' olona na relijiozy, etc.

CHAPELET, *sm.* 1° Sapile. Dire le—. Manao *sapile.* 2° *fig.* Défiler son—. Milaza ny zavatra rehetra hainy; mamboraka alahelo.

CHAPELIER, IÈRE, *s.* Mpanao satroka.

CHAPELLE, *sf.* Trano leglizy kely, lasapely.

CHAPELLERIE, *sf.* Fanaovan-tsatroka, fivarotan—.

CHAPITEAU, *sm.* Koronosy amy ny loha andry, koronosy.

CHAPITRE, *sm.* 1° Toko. Il y a six chapitres dans ce livre. Misy *toko* enina ao amin' io boky io. 2°—, Zavatra. En voilà assez sur ce—. Aoka izay ny amin' izany *zavatra* izany. 3°—, Ny antokon' ny *chanoines* ao amy ny katedraly, fivorian' ny *chanoines* mba handinika raharaha. 4° —, Fivorian' ny relijiozy mba handinika raharaha.

CHAPITRER, *va.* Mananatra.

CHAPON, *sm.* Akoho vositra.

CHAQUE, *adj.* Isany, isaky, samy.....—homme. *Isan'* olona. —jour. *Isan'* andro, *isaky* ny andro vaky. —fois qu'il parle. *Isaky* ny miteny izy. — nation a ses usages. *Isam*-pirenena *samy* manana ny fomban-taniny, *samy* manana ny fomban-taniny ny firenen-drehetra,

CHAR, *sm.* Kalesy, sarety. —funèbre. *Kalesy* fitondram-paty. —de triomphe. *Kalesy* fitondrana ny mpandresy. —de vendange. *Sarety* fitondrana voaloboka. —à-bancs. *Kalesy* maivana misy dablio.

CHARADE, *sf.* Ankamantatra, ankanonona, fampanonona.

CHARANÇON, *sm.* Haombary.

CHARBON, *sm.* 1° Vainafo, arina. —tout rouge. *Vainafo* mivaivay. Faire du —. Manao *arina.* Fouiller du — de terre. Mihady *arin*-tany. 2°—, Tomboka. Le — a tué ce cheval. *Tomboka* no nahafaty io soavaly io.

CHARBONNER, *va.* Manoratra amy ny arina.

Se charbonner, *vpr.* Azo atao arina, tonga arina.

CHARBONNIER, IÈRE, *s.* Mpanao arina, mpivarotra—.

Charbonnière, *sf.* Fitoerana fanaovana arina.

CHARCUTER, *va.* Mandidididy ny hena na ny nofo.

CHARCUTERIE, *sf.* Fivarotana henan-kisoa.

CHARCUTIER, IÈRE, *s.* Mpivarotra henan-kisoa.

CHARDON, *sm.* Zava-maniry misy tsilotsilony.

CHARDONNERET, *sm.* Karazam-borona mitovitovy amy ny fody.

CHARGE, *sf.* 1° Entana, entana zakany, entana sahaza. Cette — est trop lourde. Mavesatra loatra io *entana* io. Voilà la—d'un homme. Indro ny *entana zakan'* olon-drery, *sahazan'* olona iray. 2°—, Fiantohana, adidy, andraikitra, raharaha. Je prends les frais à ma—. Izaho no *hiantoka* izay ho lany. C'est une grande — que beaucoup d'enfants. Mahazo *adidy, andraikitra, raharaha* lehibe izay maro anaka. J'ai obtenu la—de juge. Eta nahazo ny *raharahan'* ny mpitsara aho. Il a été éloigné des charges publiques. Nesorina tamy ny *raharaham*-panjakana izy. ‖ *loc.* Proches parents qu'on a à sa—. Loloha, loloha aman-entana. Être à—à quelqu'un. Manahirana, mamaky tratra, mahavaky tratra olona. Il craint de vous être à—. Matahotra izy fandrao *manahirana*,etc., anao. 3°—,Fitombohana. Témoin à —. Vavolombelona *mitomboka.* Ce sont des charges accablantes contre lui. Mafy izany *fitombohana* azy izany. 4°—, Famelezana amy ny ady. Nous fîmes une — à la baïonnette. Tsa-

tsi-benitra no *namelezanay* ny fahavalo. Nous nous lançâmes au pas de—. Nanao faohany mba *hamely* ny fahavalo izahay. Revenir à la —. *Mamely* ny fahavalo indray; *fig.* manao indray, mitampesona. 5°—, Faham-basy *na* tafondro. Mettez double — au canon. Ataovy avo sasaka ny *fahan-tafondro*. 6°—, Fanitarana, zavatra mampihomehy. 7°—, *pl.* Hetra. On augmente toujours les charges publiques. Ampitomboina mandrakariva ny *hetra*.

CHARGÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Nasiana entana, misy entana, mavesatra entana, vesarana entana. Cet âne est trop—. *Nasiana, misy entana* mavesatra loatra, *mavesatra entana, vesarana entana* loatra io ampondra io. 2°—, Feno, tototra, be. La table est chargée de mets. *Feno* nahandro ny latabatra. Il est — de dettes. *Tototry* ny trosa, *be* trosa izy. ‖ Lettre chargée. Taratasy ampitondraina misy taratasy vola iantohan' ny posta. 3°—, Nanankinana, nametrahana, miantoka, miadidy, miandraikitra, nomen-draharaha, voatendry, notendrena. 4°—, Misy fahana, mifahana, voafahana. Ce canon est—. *Misy fahana*, etc., io tafondro io. 5°—, Nitarina, nasiana zavatra mampihomehy. 6°—, Manjombona, Le temps est—. *Manjombona* ny andro.

—, *sm.* —d'affaires. Mpisolo ny ambasadaoro.

CHARGEMENT, *sm.* 1° Fanisiana entana. 2°—, Entana. Ce navire a un — de bœufs. Omby no *entana* aterin' io sambo io.

CHARGER, *va.* 1° Manisy entana. — un fardeau sur ses épaules. *Manisy entana* ao an-tsorony, manantsoroka entana. 2°—, Mameno, manototra. — un livre d'exemples. *Mameno* ohatra ny boky anankiray. — la table de fruits. *Mameno* voankazo ny latabatra. — le peuple d'impôts. *Manototra* hetra ny vahoaka. 3°—, Manankina, mametraka, mampiadidy, mampiandraikitra, manome raharaha, manendry. Je vous charge de cette affaire. Ianao no *anankinako, ametrahako, ampiadidiko, ampiandraiketiko* izany raharaha izany. On l'a chargé de porter la parole. Izy no *nomena raharaha, voatendry* handaha-teny. 4°—, Mitomboka. Les témoins le chargent beaucoup. *Mitomboka* azy mafy ny vavolombelona 5°—, Mamely amy ny ady. La cavalerie chargea trois fois l'ennemi. *Namely* in-telo ny fahavalo ny miaramila an-tsoavaly. 6°—, Mamahana basy *na* tafondro. —un pistolet. *Mamahana* basipoleta. 7°—, Manitatra, manisy zavatra mampihomehy. — un récit. *Manitatra* tantara. —un portrait. *Manisy zavatra mampihomehy* amy ny sary.

Se charger, *vpr.* 1° Maka entana. 2°—, Miantoka, miandraikitra, miadidy. Il s'est chargé de cette affaire. *Niantoka*, etc., izany raharaha izany izy. 3°—, Mihamanjombona. Le temps se charge. *Mihamanjombona* ny andro.

CHARGEUR, *sm.* Mpanisy entana.

CHARIOT, *sm..* Sarety.

CHARITABLE, *adj.* 1° Tia namana, mazava fo, tsara fo. Il est — envers tout le monde. *Tia* ny olon-drehetra, *mazava fo, tsara fo* amy ny olona rehetra izy. 2°—, Miantra, antra. Il est — envers les pauvres. *Miantra*, etc., ny mahantra izy. 3°—, Atao amim-pitiavana. Il lui a donné un avis—. Nananatra azy *amimpitiavana* izy.

CHARITABLEMENT, *adv.* Am-pitiavana, an-kazavam-po, an-katsaram-po.

CHARITÉ, *sf.* 1° Fitiavana an' Andriamanitra, fitiavana namana, hazavam-po, hatsaram-po. La — est la première de toutes les vertus. Ny *fitiavana an' Andriamanitra* no fototry ny hatsaram-panahy rehetra. Il a beaucoup de— pour le prochain. Be *fitiavana namana*, be *hatsaram-po*, be *hazavam-po* amy ny namana izy. 2°—, Fiantrana. Faire la—. Manao *fiantrana*. Demander la—. Mangataka *fiantrana*.

CHARIVARI, *sm.* 1° Kotabataba fikizahana olona. 2° *fig.* Feon-javatra mikorontana, tabataba, horakoraka.

CHARLATAN, *sm.* 1° Mpivarotra fanafody mihambo ho mahay. 2° *fig.* Mpamitaka, mpanoloky, kevo-dahy, kasikasy.

CHARLATANERIE, *sf.* Fitaka, hakevohana, hakasiana.

CHARLATANISME, *sm.* 1° Fitaka. 2° *fig.* Fihamboana, hakevohana, hakasiana.

CHARMANT, ANTE, *adj.* Mahafinaritra, mahafaly, maharavo. Campagne charmante. Saha *mahafinaritra*. Homme—. Olona *mahafinaritra*, etc.

CHARME, *sm.* 1° Ody fitia, —fandravoravoana, — fandraikiraikena, —fankatoa-

vana. 2°—, Hafinaritra. Les charmes de la musique. Ny *hafinaritry* ny hira.

CHARMÉ, ÉE, *adj.* Finaritra, faly, ravo. Je suis—de vous voir. *Finaritra*, etc., aho mahita anao.

CHARMER, *va.* 1° Manisy ody fitia, etc. 2° *fig.* Mahafinaritra, mahafaly, maharavoravo. L'éloquence charme les hommes *Mahafinaritra* ny olona ny fahaizana mandaha-teny.

CHARNEL, ELLE, *adj.* Momba ny nofo, manaram-batana. Les appétits charnels. Ny filan-dratsin' ny *nofo*. C'est un homme—. Olona *manaram-batana* izy.

CHARNELLEMENT, *adv.* Araka ny nofo.

CHARNIÈRE, *sf.* Vy miady, savily.

CHARNU, UE, *adj.* Nofosana, be nofo. Personne charnue. Olona *nofosana*, etc. Fruits charnus. Voankazo *be nofo*.

CHAROGNE, *sf.* Fatim-biby mihaló.

CHARPENTE, *sf.* 1° Rafi-trano. La—de ma maison est terminée. Vita ny *rafitry* ny *tranoko*. J'ai du bois de—à vendre. Manan-kazo *fanaovan-trano* amidy aho. 2° *fig.* Rikarika, vangovango. La—osseuse. Ny *rikarikan*-taolana. La—d'un livre. Ny *vangovangon'* ny boky.

CHARPENTÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° (Hazo) voavangovango, natao ambangovangony. 2° *fig.* Matanjaka, hozatina. C'est un homme bien—. Olona *matanjaka*, etc., izy.

CHARPENTER, *va.* Mamangovango (hazo), manao ambangovangony.

CHARPENTERIE, *sf.* Fandrafetana trano.

CHARPENTIER, *sm.* Mpandrafitra trano.

CHARPIE, *sf.* Vahan-damba. Mettez de la—à la plaie. Asio *vahan-damba* ny fery. Faire de la—. *Mamaha lamba*.

En charpie, *loc. adv.* Miraraka ompana, motraka. Cette viande est en—. *Miraraka ompana*, etc., io hena io.

CHARRETÉE, *sf.* Eran' ny sarety, iray sarety.

CHARRETIER, IÈRE, *s.* Mpitondra sarety.

CHARRETTE, *sf.* Sarety.

CHARRIAGE, *sm.* Fitondrana amy ny sarety.

CHARRIER, *va.* 1° Mitondra amy ny sarety. —du blé. *Mitondra* varim-bazaha *amy ny sarety*. 2°—, Mitondra. Le fleuve a charrié beaucoup de sable. *Nitondra* antsanga betsaka ny ony.

CHARROI, *sm.* Fitondrana amy ny sarety. Combien coûte le—du vin? Hoatrinona ny *fitondrana* ny divay *amy ny sarety?*

CHARRON, *sm.* Mpanao sarety na kalesy.

CHARRONNAGE, *sm.* Fanaovana sarety na kalesy.

CHARROYER, *va.* Mitondra amy ny sarety.

CHARRUE, *sf.* 1° Angadin'omby. 2° *fig.* Mettre la—devant les bœufs. Mamotitra raharaha.

CHARTE, *sf.* 1° Fanomezana levenambola. 2°—, Laléna lehibe mametra ny fombam-panjakana.

CHARYBDE, *sm.* Hantsana ao amorondranomasina tandrifin'ny hantsany Scylla. ‖ *loc.* Tomber de—en Scylla. Miala Ankatso ka Ambohidempona; mandositra ny anjombona ka sendra ny angaroa.

CHÂSSE, *sf.* Vata fitahirizana ny taolan' ny Olo-masina.

CHASSE, *sf.* 1° Fihazana. Chien de—Alika *mpihaza*. J'aime la—au sanglier. Tiako ny *mihaza* lambo. 2°—, Haza, remby. Il a fait bonne —. Nahazo *haza*, etc., be dia be izy.

CHASSER, *va.* 1° Mandroaka, manenjika, mampiala. —les mouches. *Mandroaka* lalitra. — les bœufs devant soi. *Mandroaka* omby. — les brebis d'un champ. *Mandroaka* ondry mitondraka. — son enfant de la maison. *Mandroaka* ny zanany. —sa tristesse. *Mandroaka* ny alahelony. —l'ennemi devant soi. *Mandroaka, manenjika* ny fahavalo. La fumée l'a chassé de la maison. Ny setroka *nampiala* azy tao an-trano. 2°—, Mitondra. Le vent a chassé les nuages du côté de l'ouest. *Nitondra* ny rahona niankandrefana ny rivotra. 3°—, Mihaza. — le sanglier. *Mihaza* lambo.

—, *vn.* Mihaza, mitifitra. —au fusil. *Mitifitra*.

Se chasser, *vpr.* Hazaina, tifirina.

CHASSEUR, EUSE, *s.* Mpihaza, mpitifitra.

CHASSIE, *sf.* Taimaso, moty amy ny maso.

CHASSIEUX, EUSE, *adj.* Didy maso, motena.

CHASSIS, *sm.* Batána ametahan-javatra, tranon-tsary, tranom-pitaratra.

CHASTE, *adj.* Madio fitondran-tena, madio fo.

CHASTEMENT, *adv.* Am-pahadiovana.

CHASTETÉ, *sf.* 1° Fahadiovam-pitondran-tena, fahadiovam-pó. 2°—, Fahavirjiniana. Elle fit vœu de—perpétuelle. Nivoady hanao *virjiny* mandra-pahafatiny izy.

CHASUBLE, *sf.* Akanjo ivelany indrindra fanaovan-damesa.

CHAT, CHATTE, *s.* Saka, piso. Ne réveillez pas le—qui dort. Aza manao hoatry ny voalavolahy mila loza, *saka* matory ka alam-bolom-bava. || *loc.* — sauvage. Kary, antamba. Vivre comme chien et—. Tsy mahay mifanaraka, tsy mahazo miray toerana. —échaudé craint l'eau froide. Leom-boanana omaly ka tsy tia zavaboribory; rafotsibe leon-tsokina ka ny vody kifafa avy no andosirana.

CHÂTAIGNE, *sf.* Voan' ny *châtaignier.*

CHÂTAIGNIER, *sm.* Karazan-kazo mamoa.

CHÂTAIN, *adj. m.* Mavo manja. Cheveux châtains. Volon-doha *mavo manja.*

CHÂTEAU, *sm.* 1° Trano fiarovana. Cent soldats gardèrent le — fort. Miaramila zato lahy no niambina ny *trano fiarovana.* 2°—, Lapa. Ce seigneur habite un — magnifique. *Lapa* tsara tarehy no itoeran' io andriana io. 3° —, Trano tsara tarehy any an-tsaha. Il a fait construire un — à sa campagne. Nampanao *trano tsara tarehy any an-tsahany* izy. 4° *fig.* Bâtir des châteaux en Espagne. Manao ariary zato am-pandriana.

CHAT-HUANT, *sm.* Karazam-borondolo.

CHÂTIÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Voafay, nofaizina, faizina. 2° *fig.* Voalamina tsara, voahitsy, mahitsy. Style —. Teny *voalamina tsara,* etc.

CHÂTIER, *va.* 1° Mankafay, mamay. Il châtie trop fortement son esclave. *Mankafay,* etc., maly loatra ny ankiziny izy. 2° *fig.* Mandamina, manitsy. Châtiez avec soin vos écrits. *Alamino, ahitsio* tsara izay soratanao.

Se châtier, *vpr.* Mamay tena. Si vous ne voulez pas être châtié, châtiez-vous vous-même. Raha tsy te-hofaizina hianao, *faizo* ny *tenanao.*

CHATIÈRE, *sf.* Loaka fidiran' ny saka amy ny trano.

CHÂTIMENT, *sm.* Famaizana. Le—que vous lui avez infligé est trop doux. Malemy loatra ny *famaizana* nataonao taminy.

CHATOUILLEMENT, *sm.* 1° Kitikitika, kibokibo. Les chatouillements provoquent le rire. Mampihomehy ny *kitikitika,* etc. 2° *fig.* Fandrenesana mahafinaritra. L'harmonie cause un doux—. Zavatra *mahafinaritra* ny *sofina* ny feon-javatra mireondreona.

CHATOUILER, *va.* 1° Manitikitika, manibokibo. — à la plante des pieds. *Manitikitika* ny faladia. — quelqu'un aux côtés. *Manibokibo* olona. 2° *fig.* Mahafinaritra. Les éloges chatouillent l'amour-propre. *Mahafinaritra* ny olona tia tena ny doka.

CHATOUILLEUX, EUSE, *adj.* 1° Saro-kitikitika, saro-kibo. 2° *fig.* Sarotsarotiny, mora tezitra. C'est un homme—. Olona *sarotsarotiny,* etc., izy.

CHATOYANT, ANTE, *adj.* Mirendrirendry. Etoffe chatoyante. Lamba *mirendrirendry.*

CHATOYER, *vn.* Mirendrirendry.

CHÂTRER, *va.* Mamositra.

CHATTEMITE, *sf.* Mpisaroro, mpanangoly. Il a beau faire la—, il ne me trompera pas. Na dia *misaroro,* etc., aza izy, tsy hahafitaka ahy.

CHAUD, AUDE, *adj.* 1° Mafána, migaingaina, midaindaina, manevoka. Eau chaude. Rano *mafána.* Vêtement—. Fitafiana *mafána.* La journée est très chaude. *Migaingaina, midaindaina, manevokevoka* ny andro. 2° *fig.* Mirehitra, mafána. Style—. Laha-teny *mirehidrehitra.* L'affaire fut très-chaude. *Nirehitra, nafána* ny ady. 3°—, Saro-pó, mora tezitra. Il a le sang—, la tête chaude. *Saro-pó, mora tezitra* izy. 4° —, Mazoto, marisika. Un ami—. Sakaiza *mazoto,* etc.

—, *sm.* 1° Hafanána, hainandro. Il endure le froid et le—. Miaritra ny hatsiaka sy ny *hafanána,* etc., izy. Il fait—. *Mafána* ny andro. 2° *fig.* Cela ne lui fait ni froid ni—. Tsy mampaninona azy izany.

Chaud, *adv.* Mafána. Il aime à boire—. Tia fisotro *mafána* izy.

CHAUDEMENT, *adv.* 1° Amin-kafanána. 2° *fig.* An-jotom-pó, an-karisihana. Il poursuit — cette affaire. Mampandroso izany raharaha izany *an-jotom-pó,* etc., izy.

CHAUDIÈRE, *sf.* Vilany varahina lehibe.

CHAUDRON, *sm.* Vilany varahina salasala.

CHAUDRONNIER, IÈRE, *s.* Mpanefy vilany varahina.

CHAUFFAGE, *sm.* Kitay, famanána. Bois de—. *Kitay* hazo.

CHAUFFER, *va.* 1° Mamana. —de l'eau. *Mamana* rano. —le four. *Mamana* lafaoro. 2° *fig.* Mandodona, manafaingana, manafána. —une affaire. *Mandodona,* etc., raharaha.

—, *vn.* Afanaina. L'eau chauffe. *Afanaina* ny rano.

Se chauffer, *vpr.* Mamindro, mitanina, mamana. Se — auprès du feu. *Mamindro, mitanina* afo. Se — au soleil. *Mitanina* andro, mitapy andro. Se — le dos au feu, au soleil. *Mitanim*-boho amy ny afo, amy ny hainandro. Se — les pieds. *Mamana* tongotra.

CHAUFFERETTE, *sf.* Fatam-bý kely famindroana.

CHAUFFEUR, *sm.* Mpisorona afo amy ny kalesin-dalam-bý, amy ny memy, etc.

CHAUFFOIR, *sm.* Trano famindroana.

CHAUME, *sm.* 1° Mololo, bozaka Botte de—. Amboara-*mololo.* Il habite une cabane couverte de—. Mitoetra amy ny trano bongo tafo *mololo, bozaka* izy. 2°—, Trano bongo, trano tomboka. Il habite sous le—. Mitoetra amy ny *trano bongo,* etc., izy.

CHAUMIÈRE, *sf.* Trano bongo, trano tomboka.

CHAUSSÉE, *sf.* Fefiloha.

CHAUSSE-PIED, *sm.* Fampidiran-kiraro.

CHAUSSER, *va.* 1° Mampiditra kiraro, mampikiraro.. Elle chausse son enfant. *Mampiditra* ny kiraron-janany, *mampikiraro* ny zanany izy. 2°—, Manao kiraro. Ce cordonnier me chausse depuis longtemps. Io lehilahy io no *mpanao kiraroko* izay ela izay. 3°—, Manototra. —des pommes de terre. *Manototra* ovim-bazaha.

—, *vn.* Mifanerana amy ny tongotra. Ce soulier chausse parfaitement. Io kiraro io *mifanerana* tsara *amy ny tongotra.*

Se chausser, *vpr.* Mampiditra kiraro amy ny tongony, mikiraro.

CHAUSSES, *sf. pl.* Kalisaonina.

CHAUSSETTE, *sf.* Ba fohy.

CHAUSSON, *sm.* Kiraro solia fitondra an-trano.

CHAUSSURE, *sf.* Kiraro.

CHAUVE, *adj.* Sola.

CHAUVE-SOURIS, *sf.* Manavy. Grande—. *Manavibe,* fanihy.

CHAUX, *sf.* Sokay. Pierre à—. Vato *sokay* —vive. *Sokay* mahery tsy voalena. — éteinte. *Sokay* lefy *na* voalena.

CHAVIRER, *vn.* Mivadika, mihohoka, mitsimbadika. La barque chavira. *Nivadika,* etc., ny lakana.

CHEF, *sm.* 1° Loha. Le — de St Jean. Ny *lohany* md Joany. 2° *fig.* Loha, mpanapaka, mpandidy, ben'ny tany, lehibe, loholona, komandy, mpifehy, mpitarika, manamboninahitra, talé, filoha. Il est le — de la famille. Izy no *lohan'* ny fianakaviana. Le roi est le — de l'Etat. Ny mpanjaka no *mpanapaka, mpandidy* amy ny fanjakana. Les chefs d'un pays. Ny *ben' ny tany* sy ny fanjakana. Le — de la justice. Ny *lehiben'* ny mpitsara. Le — du village. Ny *lehiben'* ny tanána. Les chefs d'un village. Ny *lehibe,* ny *loholona* ao an-tanána. Le — de l'expédition. Ny *komandin'* ny tafika. Les chefs de l'armée. Ny *lehibe,* ny *mpifehy* amy ny miaramila, ny *manamboninahitra.* Le — de l'imprimerie. Ny *talen'* ny trano printy. Le — de la cuisine. Ny *talen'* ny lakozina, ny *talen'* ny mpahandro. Les chefs des conspirateurs. Ny *loha,* ny *lehibe,* ny *mpitarika,* ny *filohan'* ny mpiray tetika. — de file. *Loha* lálana. 3°—. Loha, fototra, antony. Sa doctrine se réduisait à trois chefs. Telo *loha* ny zavatra nampianariny. Quels sont vos chefs d'accusation? Firy *loha* ny zavatra iampanganareo? Inona avy no *fototra, antony* iampanganareo?

De son chef, *loc. adv.* Araka ny sitrapony, —ny nahim pony. Il a fait cela de son—. Nanao izany *araka ny sitra-pony,* etc., izy.

En chef, *loc. adv.* Voalohany, ambony, talé. Général en—. Jeneraly *voalohany, ambony,* komandy. Cuisinier en—. *Talen'* ny mpahandro.

CHEF-D'ŒUVRE, *sm.* Zavatra lavorary, taozavatra—, laha-teny—. Le corps humain est un —. *Zavatra lavorary* ny vatantsika olombelona. Cette statue est un—. Io sariolona io dia *taozavatra lavorary.*

CHEF-LIEU, *sm.* Renivohitra.

CHEMIN, *sm.* 1° Lálana. Grand—. *Lalam*-be, *lálam*-boahangy.—battu. *Lálamasaka.* —de fer. *Lálam*-bý. Quel est le — qui conduit à Tamatave? Aiza no *lálana* mankany Toamasina? Voilà le — le plus court. Itý no *lálana* fohy indrindra. Vous vous trompez de—. Diso *lálana* hianao. Continuez votre—. Ny *lálanao* zorina, zory ny *lálanao*. —faisant. Tany *an-dálana*. 2° *fig.* Lálana. Il s'est éloigné du—de la vertu. Niala tamy ny *lálan'* ny hatsaram-panahy izy. Le—de la gloire lui est ouvert. Efa ao anoloany ny *lálan'* ny voninahitra. || *loc.* Faire son—. Mandroso voninahitra, harena. Suivre le — battu. Manaraka ny fanao.

CHEMINÉE, *sf.* 1° Lafaoro, fivoahantsetroka. La — est trop étroite. Ety loatra ny *lafaoro*, etc. 2°—, Somonia, tadiny. Nettoyez la — du fusil. Diovy ny *somoniam*-basy, *tadinim*-basy.

CHEMINER, *vn.* Mizotra, mandeha.

CHEMISE, *sf.* Akanjo lobaka. Il a vendu jusqu'à sa—. Namidiny avokoa mbamy ny *lobany*; *fig.* nahintsany avokoa mbamy ny teny an-kodiny.

CHEMISETTE, *sf.* Akanjo bory tanana.

CHENAPAN, *sm.* Karin'olona, alikan'olona, olona tsy vanona, olona tsy manjary.

CHÊNE, *sm.* Oaka,

CHÉNEAU, *sm.* Fantsona tantirano amy ny volombodin-trano.

CHENIL, *sm.* 1° Tranon'alika. 2° *fig.* Trano latsikely.

CHENILLE, *sf.* —arpenteuse. Oli-panjehy. —qui mange les patates. Bibimbomanga. —des songes. Bibin-tsonjo.

CHENU, UE, *adj.* Fotsy volo. Devenir —. *Mihafotsy volo.*

CHER, ÈRE, *adj.* et *s.* 1° Malala, tsy foy, tiana, mamy. Mon — fils. Ry zanako *malalako, tsy foiko,* ry sombin'aiko. Mon—, ma chère. Ry *malala*. Il n'a rien de plus — que l'honneur. Tsy misy *tiany, maminy* mihoatra ny voninahitra. 2°—, Saro-bidy, lafo, hangana. Les étoffes sont chères en ce moment. *Saro-bidy*, etc., izao ny lamba.

Cher, *adv.* 1° Sarotra, lafo, hangana. Ce marchand vend—. Manao *sarotra*, etc., mivaro-bolony io mpivarotra io. Il a acheté—. Nividy *sarotra, lafo,* —volony izy. 2° *fig.* Vendre sa vie bien—. Mahafaty tahavalo betsaka vao maty, milofo. Il me le paiera—. Hasiako mafy, hofaiziko izy, hataoko mahita ahy izy.

CHERCHER, *va.* 1° Mitady, mikatsaka, mikaroka, misava, manao savahao, mila. —un emploi. *Mitady, mikatsaka* raharaha. —avec soin, —partout. *Mikarokaroka, misavasava, manao savahao.*— un voleur dans le village. *Mikarokaroka, misavasava* mpangalatra ao anatin'ny vohitra.—querelle à quelqu'un. *Mila* aKisa. —la gloire. *Mitady, mikatsaka, mila* voninahitra. 2°—, Maka. Il est allé—le médecin. *Naka* ny dokotera izy. On a envoyé—votre père. *Nampanalaina* ny rainao.

Se chercher *vpr.* Mifampitady, mifampikatsaka, mifampikaroka.

CHERCHEUR, EUSE, *s.* Mpitady, mpikatsaka.

CHÈRE, *sf.* Hanina. Il aime la bonne—. Tia *hanim*-py izy. Faire bonne—. *Mihinam*-py, manao vakim-borona. Faire maigre—. Manao *hanina* mitana ny aina, mitsitsy *hanina.*

CHÈREMENT, *adv.* 1° Amim-pitiavana. Je garde— l'image que vous m'avez donnée. Tahiriziko *amim-pitiavana* ny sary nomenao ahy. 2°—, Sarotra, lafo. 3° *fig.* Vendre— sa vie. Comme Vendre sa vie bien cher. Voy. CHER.

CHÉRI, IE, *p.* et *adj.* Tiana, malala, tsy foy, tiana, mamy hoditra. Viens, mon enfant—. Avia, ry zanako *malalako, tsy foiko,* ry sombin'aiko. Il est—de tous ses compagnons. *Tsy foy, tian'* ny namany rehetra, *mamy hoditra* amy ny namany rehetra izy.

—, *s.* Malala. Viens, mon—. Avia, ry *malala.* Voila son—. Io no *malalany.*

CHÉRIR, *va.* Tia. Il chérit son épouse. *Tia* vady izy.

Se chérir, *vpr.* Mifankatia.

CHERTÉ *sf.* Hasarotam-bidy.

CHÉRUBIN, *sm.* 1° Kerobina. 2°—, Zaza kely mahafatifaty.

CHÉTIF, IVE, *adj.* 1° Farofy, saozanina. Enfant—. Zaza kely *farofy*, etc. 2°—, Tsinontsinona, kely foana. Va-t-en,—animal. Mandehana, ry biby *tsinontsinona.* La récolte du riz a été chétive. *Tsinontsinona*, etc., ny vary vokatra.

CHÉTIVEMNT, *adj.* Kely foana. Vivre —. Mihinana *kely foana;* manao sakafo ambany foitra lalandava.

CHEVAL, *sm.* Soavaly.—de bois. *Soavaly* hazo. Être à—. Mitaingin-*tsoavaly, miantsoavaly.* Monter à—. Miakatra ambony *soavaly.* Faire monter

quelqu' un à —. Mampitaingin-*tsoavaly* olona. Aller à— sur un bâton. Manao *soavaly* tehina. ‖ *loc.* Remède de—. Fanafody mahery. Fièvre de—. Tazo mafy. Il est à— sur les règles de la grammaire. Mahay dia mahay ny lalán' ny gramara izy. Ecrire une lettre à—. Mampitondra taratasy misy fandrahonana. Monter sur ses grands chevaux. Miavonavona, misafoaka, mandroatra. Fermer l'écurie quand les chevaux sont dehors. Fisorok' ilay jamba, voa vao milflana.

CHEVALER, *va.* Manohana.— un mur. *Manohana* rindrina.

CHEVALERESQUE, *adj.* Mendrika ny *chevalier.*

CHEVALERIE, *sf.* Toetry ny *chevalier.*

CHEVALET, *sm.* 1°—, Fampijaliana ny martiry taloha. 2°— Tohan-dokanga. 3° —, Soavaly hazo.

CHEVALIER, *sm.* Miaramila malaza taloha. ‖ —d'industrie. Fetsy ratsy, mpifetsy.

CHEVAUCHER, *vn.* Mitsangantsangana mitaingin-tsoavaly.

CHEVÊCHE, *sf.* Torotoroka.

CHEVELU, UE, *adj.* 1° Lava volo. Clodion le—. Clodion *lava volo.* 2° *fig.* Hodidinim-pahazavana manjavozavo. Comète chevelue. Komety *hodidinim-pahazavana manjavozavo.*

CHEVELURE, *sf.* 1° Volon-doha. 2° *fig.* Fahazavana manjavozavo amy ny komety.

CHEVET, *sm.* Ondana. Je me suis assis au — du malade. Nipetraka tao akaikin' ny *ondan'* ny marary aho.

CHEVEU, *sm.* Volon-doha. Un—. Singam-*bolo.* Il ne s'en est pas fallu de l'épaisseur d'un —qu'il ne touchât l'oiseau. *Singam-bolo* monja no tsy nahavoazan' ny vorona. Il a les cheveux crépus. Ngita *volo* izy. Il a les cheveux lisses. Tso-*bolo* izy. Il a les cheveux frisés. Oly *volo* izy. Se prendre aux cheveux. Mifandrori-*bolo,* mifanjihitra, miady. Il s'arrache les cheveux de désespoir. Onotany ny *volony* noho ny famoizam-pony. Il perd ses cheveux. Miongo-*bolo* izy.

CHEVILLE, *sf.* 1° Hombo, tsimatra.— de cuivre. *Hombo* varahina. —de bois. *Hombo* hazo. Chevilles servant à fixer les tentes. *Tsima*-day, firambotra. ‖ —du pied. Kitrokely. 2° *fig.* Il ne lui va pas à la —du pied. Ambany faladiany izy.— ouvrière. Olona foto-draharaha anankiray.

CHEVILLER, *va.* Manisy hombo, manombo. — une table. *Manisy hombo,* etc., latabatra.

CHÈVRE, *sf.* 1° Osivavy. 2°—, Foza. 3° *fig.* Il sait ménager la — et le chou. Mahay roa izy, sotrobe lava tango izy.

CHEVREAU, *sm.* Zanak' osy, vantotr'osy.

CHEVRETTE, *sf.* Patsa, patsan'orana.

CHEVRIER, IÈRE, *s.* Mpiandry osy.

CHEVRON, *sm.* 1° Lohatrano. 2°—, Galona ao amy ny sandry bavian'ny miaramila milaza ny taona nahamiaramila azy.

CHEVROTANT, ANTE, *adj.* Mibarareoka. Voix chevrotante. Feo *mibarareoka.*

CHEVROTEMENT, *sm.* Fibarareoka.

CHEVROTER, *vn.* Mibarareoka.

CHEZ, *prep.* Amy. Il est — lui. Any *aminy* izy. Je viens de — mon père. Vao avy tany *amy* ny dada aho. Il n'en était pas ainsi — les Romains. Tsy mba toy izany *tamy* ny Romana. C'est une chose arrêtée — moi. Zavatra raikitra ao *amy* ny saiko izany. ‖ *loc.* Un —soi. Trano. Il n'a pas un —soi. Tsy manana-*trano* izy.

CHICANE, *sf.* 1° Don-tany, kapo-tandroka. 2°—, Akisa, tonona, vaniny, sotasota, antsongony, antsontsany, tsongo teny, antendry vary.

CHICANER, *vn.* 1° Manao don-tany, — kapo-tandroka. 2° —, Mila akisa, — tonony, — vaniny, — sotasota, — aoy, — antsongony, — antsontsany, — voatsiary, mitsongo teny, manao antendry vary. — sur des paroles échappées. *Mitsongo* teny, *manao antendry vary* amin' izay vava latsaka.

—, *va.* 1° Manangana ady. — ses voisins. *Manangana ady* amy ny olona akaikiny. 2°—, Manahirana. Cela me chicane. *Manahirana* ahy izany.

Se chicaner, *vpr.* Mifampila akisa, etc.

CHICANEUR, EUSE, *s.* et *adj.* Mpila akisa, etc.

CHICANIER, IÈRE, *s.* et *adj.* Mila akisa amy ny zavatra tsinontsinona, etc.

CHICHE, *adj.* 1° Mahihitra loatra, kely tánana, kely hiratra. 2° *fig.* — de paroles. Vitsy teny, jahidy, jomóka.

CHICHEMENT, *adv.* Amin-kahihirana, kely tánana. Il récompense—. *Mahihitra, kely tanana* izy, raha mamaly soa.

CHICORÉE, *sf.* Salady ngita.

CHICOT, *sm*. 1° Vody tronga. 2°—, Vody nify.

CHIEN, ENNE, *s*. 1° Alika, amboa. —de garde. *Alika* mpiambina. —couchant. *Alika* mandady; *fig*. olona mandady. Vivre comme un—. *Mialikalika* fitondran-tena, manao fitondran-tenan' *amboa*. 2° *fig*. Mener une vie de—. Mikokokoko. Quel — de froid *ou* quel froid de—! Hatsiaka re izany! C'est un métier de—. Raharaha manasa-poana izany. Entre — et loup. Mivoa-dambo, maza—, *sm*. Fem-basý. [va ratsy.

CHIENDENT, *sm*. Fandrotrarana.

CHIFFON, *sm*. 1° Voro-damba, voro-kitsay, vorotra.— de papier. *Voro*-taratasy. 2°—, *Zavatra* tsinontsinona.

CHIFFONNÉ, ÉE, *p*. et *adj*. Voafozafoza, nofozafozaina, voaviravira. noviraviraina. Etoffe chiffonnée. Lamba *voafozafoza*, etc.

CHIFFONNER, *va*. 1° Mamozafoza, mamiravira.— du papier. *Mamozafoza*, etc., taratasy. 2° *fig*. Manahirana. Cette nouvelle me chiffonne. *Manahirana* ahy izany zava-baovao izany.

CHIFFONNIER, IÈRE, *s*. Mpamory voro-damba.

CHIFFRE, *sm*. 1° Marika. Chiffres romains. *Marika* romana. Chiffres arabes. *Marika* arabo. 2°—, Tontaly. Quel est le— de vos dépenses annuelles? Hoatrinona no *tontalin'* ny vola laninao isan-taona? 3°—, Fanafohezana anarana. Graver un — sur un cachet. Misokitra *fanafohezana anarana* ao amy ny fitomboka.

CHIFFRER, *vn*. Manao marika, manatontaly. Il ne sait pas—. Tsy mahay *marika*, *manatontaly* izy.

—, *va*. Manisy isa.— les pages. *Manisy isa* ny pejy.

CHIFFREUR, *sm*. Mpahay marika, mpanatontaly mahay.

CHIGNON, *sm*. 1° Hatoka. 2°—, Bontana an-katoka.

CHIMÈRE, *sf*. Hevi-dravina, hevitra ambony, hevi-potsy. Il se crée des chimères. Mamorona *hevi-dravina*, etc., ao an-tsainy izy.

CHIMÉRIQUE, *adj*. 1° Mpanao hevidravina,— hevitra ambony,— hevi-potsy. C'est un esprit—. *Mpanao hevidravina*, etc., izy. 2°—, Foronin' ny saina fotsiny, hevi-dravina, hevitra ambony, hevi-potsy, tsy misy antony,— fotony. Un être —. Zavatra *foronin'ny saina fotsiny*. Ses projets sont chimériques. *Hevi-dravina, hevitra ambony, hevi-potsy* ny fikasany. Votre crainte est—. *Tsy misy antony, fotony* ny tahotrao.

CHIMIE, *sf*. Kemistra.

CHIMIQUE, *adj*. Momba ny kemistra.

CHIMISTE, *sm*. Mpahay kemistra.

CHINE, *sf*. Sina.

CHINOIS, OISE, *s*. Sinoa.

CHINOISERIE, *sf*. Taozavatra fanaon' ny Sinoa.

CHIOURME, *sf*. Ny gadralava. Garde —. Mpiambina *ny gadralava*.

CHIPEUR, EUSE, *s*. Mpitetsy zavatra madinika.

CHIQUE, *sf*. Paraky hotaina,— tsakoina,— indraim-bava,— indray mandrapaka.

CHIQUENAUDE, *sf*. Tsipindy. Donner une—. Mamely *tsipindy*, *manatsipindy*.

CHIQUER, *vn*. Mihota paraky, mitsako—, homam—.

CHIRURGICAL, ALE, *adj*. Momba ny *chirurgie*.

CHIRURGIE, *sf*. Fahaizana mandidy marary

CHIRURGIEN, *sm*. Dokotera mpandidy.

CHIURE, *sf*. Tain-dalitra.

CHLOROFORME, *sm*. Fanoranana.

CHLOROFORMISER, *va*. Manorana.

CHOC, *sm*. 1° Dona, poka, gona, paika, katroka, fidona, fipoka, figona, fikatroka. Le—des verres. *Dom*-bera. Au moindre— il tombe. Raha *donina, pohina, gonina, pohina* kely foana izy, dia potraka. 2° *fig*. Ady, fifanoherana. Du—des idées jaillit la lumière. Ny *ady* hevitra mahazava ny zavatra, ny fisavasavana ny raviny no ahitana ny fotony. 3°—, Loza. Il a reçu un rude—. Nidiran-*doza* mafy loatra izy.

CHOCOLAT, *sm*. Sokolá.

CHŒUR, *sm*. 1° Antokom-pihira. Chanter en—. Miara-*mihira*, manao rodobe. 2°—, Fitoerana masina manodidina ny otely. ‖ Enfants de—. Mpiserivy lamesa, ankizilahy madinika miakanjo amy ny fombam-pivavahana.

CHOIR, *vn*. Potraka, mianjera. Il s'est laissé—. *Potraka, nianjera* izy.

CHOISI, IE, *p*. et *adj*. Voafidy. nofidina, tsara fidy, voafantina, nofantenana, tsara fantina, voajobona, nojobonina, notson-

gaina. Il a des mots choisis. *Voafidy, voafantina* ny teniny.

CHOISIR, *va.* Mifidy, mifantina, mijobona, mitsonga. Choisissez vos amis. *Fidio* izay ho sakaizanao.

CHOIX, *sm.* Safidy, fidy, fifidianana, fantina, fifantenana, fijobonana, fitsongána. Prenez à votre—les objets qui sont sur la table. Maká amy ny zavatra eo ambony latabatra araka izay *safidinao.* Vous avez fait un bon—de livres. Tsara *fidy,* tsara *fantina, voafidy, voafantina, voajobona* tsara ny bokinao. Une jeune esclave de—. *Tsongavavy.*

CHOLÉRA, *sm.* Barik' olona, kolerá.

CHOLÉRINE, *sf.* Harokaty.

CHOLÉRIQUE, *adj.* et *s.* Azon' ny kolerá.

CHÔMAGE, *sm.* Andro tsy iasana, tsy fiasana. Déduisez le—de cet ouvrier. Vonoy ny *andro tsy niasan'* io mpiasa io.

CHÔMER, *vn.* Mamono andro, tsy volena, tsy iasana. Un bon ouvrier ne chôme pas. Ny mpiasa mazoto tsy *mamono andro.* Ce terrain chôme depuis deux ans. *Tsy novolen*-javatra hatramy ny roa taona io tany io. Ce moulin chôme. *Tsy iasana* io milina fitotoam-bary io.

—, *va.* Tsy miasa amy ny fety. On chôme cette fête. *Tsy iasana* izany fety izany.

CHOPINE, *sf.* Tavoahangy tapany. Boire une—de vin. Misotro divay eran' ny *tavoahangy tapany.*

CHOQUANT, ANTE, *adj.* Mahasosotra, mahadikidiky. Il dit des paroles choquantes. Mandefa teny *mahasosotra,* etc., izy.

CHOQUER, *va.* 1° Mandona, midona, mamoka, mipoka, mangona, migona, mipaika, mikatroka. —les verres à table. *Mandom*-bera, manao *dom*-bera. Le navire a choqué la barque. *Nandona, namoka, nangona* ny lakana ny sambo. L'assiette a choqué le verre. *Nidona, nipoka, nipaika* tamy ny gilasy ny lovia. 2° *fig.* Mahasosotra, mahadikidiky. Il choquait le peuple par son orgueil. *Nahasosotra, nahadikidiky* ny vahoaka ny avonavony. Ce mot choque l'oreille. *Mahadikidiky* ny sofina izany teny izany.

Se choquer, *vpr.* 1° Mifampidona, mifampipoka, mifampigona, mifampipaika, mikatroka. Les deux barques se choquèrent fortement. *Nifampidona, nifampipoka, nifampigona,* mafy ny lakana roa. Les deux armées se choquèrent avec impétuosité. *Nikatroka* mafy ny tafika roa. Voy. SE HEURTER. 2° *fig.* Sosotra. Il se choque de la moindre parole. Teny kely foana dia *mahasosotra* azy.

CHORUS, *sm.* Faire—. Mihira indray miredona; *fig.* manaiky.

CHOSE, *sf.* Zavatra. Dieu a créé toutes choses. Andriamanitra nahary ny *zavatra* rehetra. Quelle est cette—? Inona izany *zavatra* izany? Ce mot s'emploie pour les personnes et les choses. Azo ilazana ny olona sy ny *zavatra* io teny io. Il manque des choses nécessaires. Ny *zavatra* ilaina indrindra no tsy ananany. Il raconta la—en ces termes. Toy izao no fitantarany izany *zavatra* izany.

CHOU, *sm.* Laisoa. ‖ —de Chine. Anantsongaberavina. —palmiste. Tsoa-palafa. Mon petit—. Ry sombin' aiko.

CHOUCHOUTE, *sf.* Sosoty.

CHOUCROUTE, *sf.* Nahandro marikivy atao amy ny laisoa voatetika.

CHOUETTE, *sf.* Vorondolo.

CHOYER, *va.* Manolokolo, mampihanta.—ses enfants. *Manolokolo,* etc., ny zanany.

Se choyer, *vpr.* Mitandrin-tena, miahy tena.

CHRÊME, *sm.* Le saint—. Ny diloilo masina.

CHRÉTIEN, ENNE, *adj.* et *s.* Kristiana.

CHRÉTIENNEMENT, *adv.* Hoatry ny kristiana. Se conduire—. Manao fitondran-tena *kristiana.*

CHRÉTIENTÉ, *sf.* Ny Kristiana rehetra.

CHRIST, *sm.* 1° Kristy. 2°—, Sariny Jeso-Kristy mifantsika.

CHRISTIANISME, *sm.* Ny fivavahana kristiana.

CHRONICITÉ, *sf.* Faharetana ela.

CHRONIQUE, *sf.* Tantara, tetiarana.

—, *adj.* Maharitra ela. Maladie—. Aretina *maharitra ela.*

CHRONIQUEUR, *sm.* Mpitantara.

CHRONOLOGIE, *sf.* Fahalalana ny zavatra amy ny tantara araka ny fifandimbasan' ny taona nisehoany.

CHRONOLOGIQUE, *adj.* Araka ny fifandimbasan' ny taona.

CHRONOLOGISTE, *sm.* Mahalala ny zavatra amy ny tantara araka ny fifandimbasan' ny taona nisehoany.

CHRONOMÈTRE, *sm.* Famantaranandro tsara indrindra.

CHRYSALIDE, *sf.* Soherina, zanadandy.

CHUCHOTEMENT, *sm.* Bitsibitsika, ritsodritsoka, takoritsoka.

CHUCHOTER, *vn.* Mibitsibitsika, miritsodritsoka, mitakoritsoka. On ne doit pas—en société. Tsy tokony *hibitsibitsika,* etc., ao am-pivoriana.

—, *va.* Mibitsibitsika, miritsodritsoka, manoho-tsofina. Il chuchota quelques mots à l'oreille de son ami. *Nibitsibitsika, niritsodritsoka* kely tamy ny sakaizany, *nanoho-tsofina* kely ny sakaizany izy.

CHUCHOTERIE, *sf.* Bitsibitsika, ritsodritsoka, takoritsoka.

CHUCHOTEUR, EUSE, *s.* Mpibitsibitsika, mpiritsodritsoka, mpitakoritsoka.

CHUT, *int.* Mangina!

CHUTE, *sf.* 1° Halavoana, fahapotrahana, fianjera, fiantonta, fihintsana, firaraka. Faire une—. *Lavo, potraka, mianjera.* La—des eaux d'une cascade. Ny *fianjera, fiantontan'* ny rano amy ny riana. La—des feuilles, des cheveux. Ny *fihintsana, firaraky* ny ravin-kazo, ny volo. ‖ *loc.* — d'eau. Riana. A la—du jour. Takariva. 2° *fig.* Fionganana, faharavana. La—d'un roi, d'un ministre. Ny *fionganan'* ny mpanjaka, ny ministra. La—d'un empire. Ny *faharavan'* ny fanjakana. 3°—, Fahotana. La—d'Adam. Ny *nanotany* Adama.

CI, *adv.* Itý, itsy, atsy, izao, ato. Cet homme—. *Itý, itsy* olona *itý, itsy.* En ce temps—. Amin'*itý, izao* andro *itý, izao.* En ce moment—. Ankehitriny *izao.* Par—par là. *Atsý* arý. Ci-git un tel. *Ato* ranona no milevina.

Ci-dessus, ci-devant, *loc. adv.* Teo aloha, taloha, teo ambony, rahateo. Comme il a été dit—. Araka izay voalaza *teo aloha, teo ambony, rahateo.* Paul cidevant cordonnier. Paoly mpanao kiraro *teo aloha, taloha.*

Ci-dessous, ci-après, *loc. adv.* Ato aoriana, ato ambany. Nous verrons—. Ho hitantsika *ato aoriana,* etc.

Ci-contre, *loc. adv.* Tandrifin'itý. La page—. Ny pejy *tandrifin'ity.*

CIBLE, *sf.* Tigetra.

CIBOIRE, *sm* Siboara, kapoaka masina fitoeran'ny Eokaristia.

CICATRICE, *sf.* Holatra, hola-pery.

CICATRISATION, *sf.* Fahasitranan'ny fery.

CICATRISER, *va.* 1° Mahasitrana, mampanaritra. Le fer rouge a cicatrisé la plaie. Ny vy mena no *nahasitrana, nampanaritra* ny fery. 2°—, Manisy holatra. La petite vérole lui a cicatrisé la figure. *Nanisy holatra* ny tarehiny ny nendra. 3° *fig.* Mampionona. Le temps cicatrise les plaies du cœur. Ny ela *mampionona* ny alahelon'ny fo.

Se cicatriser, *vpr.* Mihasitrana, manaritra.

CIDRE, *sm.* Zavatra fisotro atao amy ny ranom-poma.

CIEL, *sm.* 1° Lanitra, habakabaka. Les étoiles brillent au—. Mamirapiratra eny amy ny *lanitra,* etc., ny kintana. Lever les yeux au—. Miandrandra ny *lanitra.* Le—est devenu clair. Nihamadio ny *lanitra.* Son âme est montée au—. Niakatra any *an-danitra* ny fanahiny. 2°—, Tany. Changer de—. Mifindra *tany.* 3°—, Andriamanitra. Le—l'a voulu. Sitrak'*Andriamanitra* izany. ‖ — de lit. Tatarom-pandriana.

CIERGE, *sm.* Labozy savoka.

CIGALE, *sf.* Jorery.

CIGARE, *sm.* Sigara.

CIGARETTE, *sf.* Sigarety.

CIGOGNE, *sf.* Vorona mitovy amy ny vano.

CIGUË, *sf.* Ahitra misy poizina.

CIL, *sm.* Volomaso.

CILICE, *sm.* Akanjo malailay.

CILLEMENT, *sm.* Fipý.

CILLER, *va.* Mipý.—les yeux. *Mipý* maso.

—, *vn.* Mipý noho ny tahotra. Il n'a pas cillé. Tsy *nipý* akory izy.

CIME, *sf.* Tendro, tampony. La—d'un arbre. Ny *tendron'* ny hazo. La—d'une montagne. Ny *tampon'* ny tendrombohitra.

CIMENT, *sm.* Simentra.

CIMENTER, *va.* 1° Manisy simentra. 2° *fig.* Manamafy.— l'amitié. *Manamafy* ny fifankatiavana.

CIMETERRE, *sm.* Sabatra solanga.

CIMETIÈRE, *sm.* Tany fandevenana.

CIMIER, *sm.* Sangan-tsatroka valala mihoatra.

CINÉRAIRE, *adj.* Misy lavenom-paty. Urne—. Siny bakolin'ny ntaolo *nisy lavenom-paty.*

CINGLER, *vn.* Mandeha.— en haute mer. *Mandeha* ao ampovoan' ny ranomasina.

—, *va.* Mamitsoka. Il lui cingla le visage d'un coup de baleine. *Nofitsohany,* nofitsohany, nofafazany rotsa-kazo ny tavany. Il fit un vent qui cingle le visage. *Fitsohan'* ny rivotra ny tarehy.

CINQ, *adj. num.* 1° Dimy. —fois. In-*dimy.* —jours. *Hadimiana.* —par—. *Tsidimidimy.* Partagez cette pomme en—. *Dimio* io poma io. Elle est partagée en—. *Voadimy, nodimina, midimy* izy. 2° —, Fahadimy. Page—. Takelaka *fahadimy.*

—, *sm.* Dimy. Il est arrivé le—octobre. Tonga tamy ny *dimy* oktobra izy.

CINQUANTAINE, *sf.* 1° Dimam-polo, tokony ho dimam-polo. 2°—, Fahadimam-polo taona. Il a atteint la—. Nahatratra ny *fadimam-polo taonany* izy.

CINQUANTE, *adj. num.* 1° Dimam-polo. 2°—, Fahadimam-polo. Page—. Pejy *fahadimam-polo.*

—, *sm.* Dimam-polo.

CINQUANTIÈME, *adj.* Fahadimam-polo.

—, *sm.* Ny ampahadimam-polony. Les trois cinquantièmes. Ny telo *ampahadimam-polony.*

CINQUIÈME, *adj.* Fahadimy ‖ *loc.* Faire une chose pour la—fois. Manindimy. Pour la—fois. Fanindiminy.

—, *sm.* Ny ampahadiminy. Les deux cinquièmes. Ny roa *ampahadiminy.*

CINQUIÈMEMENT, *adv.* Fahadimy.

CINTRE, *sm.* Andohalambo.

CINTRÉ, ÉE, *adj.* Misy andohalambo. Porte cintrée. Varavarana *misy andohalambo.*

CINTRER, *va.* Manisy andohalambo. Cintrez toutes les fenêtres. *Asio andohalambo* daholo ny varavarankely.

CIRAGE, *sm.* 1° Sirazy. 2°—, Fanasavohana, fanosoran-tsavoka.

CIRCONCIRE, *va.* Mandidy foitra, mamora.

CIRCONCIS, ISE, *p., adj.* et *sm.* Voadidy foitra, nodidiam-poitra, voafora, noforana, voalehilahy, voasikina, nosikinana, afa-trosa.

CIRCONCISION, *sf.* Fandidiam-poitra, famorana, hasoavana.

CIRCONFÉRENCE, *sf.* 1° Fari-bolana. Tracer une—sur le papier. Manao *fari-bolana* amy ny taratasy. 2°—, Ny manodidina. La—d'une ville. Ny *manodidina* ny tanána. 3°—, Hoditra. Le sang est porté du centre à la—par les artères. Ny ra avy ao anatin'ny vatana entin'ny artera ao amy ny *hoditra.*

CIRCONFLEXE, *adj.* Misatroka, misaron-doha. Mettez un accent—sur l'a. Sorato á *misatroka,* etc.

CIRCONLOCUTION, *sf.* Teny miolaka.

CIRCONSCRIPTION, *sf.* 1° Famaritana, famerana. 2°—, Fari-tany, fizarantany.

CIRCONSCRIRE, *va.* Mamaritra, mametra, manisy manodidina.

CIRCONSCRIT, ITE, *adj.* Ety. Espace—. Fitoerana *ety.*

CIRCONSPECT, ECTE, *adj.* Malina. Il est—dans ses paroles et dans ses actions. *Malina* amy ny teniny sy ny ataony izy.

CIRCONSPECTION, *sf.* Hamalina, hamalinana.

CIRCONSTANCE, *sf.* Andinidinika, toe-draharaha, fotoana. Il raconta jusqu'aux moindres circonstances de cette affaire. Nitantara ny *andinidinik'* izany raharaha izany izy. Examiner toutes les circonstances. Mandinika ny *toe-draharaha* samihafa. La circonstance est favorable. Tsara ny *fotoana.*

CIRCONSTANCIÉ, ÉE, *adj.* Voatantara tsirairay, voavisavisa. Il donne des détails circonstanciés sur sa mort. *Mitantara tsirairay, mamisavisa* ny zavatra momba ny nahafatesany izy.

CIRCONSTANCIER, *va.* Mitantara tsirairay, mamisavisa.

CIRCONVALLATION, *sf.* Hady sy manda manodidina. Faire la — d'un camp. Manao *hady sy manda manodidina* ny lasy.

CIRCONVENIR, *va.* Manangoly, manoloky. —les juges. *Manangoly,* etc., ny mpitsara.

CIRCONVENU, UE, *adj.* Nangolena, voasoloky, nosolokina.

CIRCONVOISIN, INE, *adj.* Manodidina.

CIRCONVOLUTION, *sf.* Fiolikolika, fitambolimbolina. Les circonvolutions des intestins. Ny *fiolikoliky* ny tsinay. Les circonvolutions d'un rouleau de fil de fer. Ny *fitambolimbolin'* ny horonan-taroby.

CIRCUIT, *sm.* 1° Ny manodidina. Les murs de la ville ont vingt mille de—. Misy roapolo maily ny manda *manodidina* ny tanána. 2°—, Olaka, olika, safelika. Le chemin fait un long —à l'ouest.

Miolaka, mioliha, misafelika lavitra ny lálana any andrefana. 3° *fig.* —de paroles. Teny miolaka, sasin-teny.

CIRCULAIRE, *adj.* Vorivory, kivorivory, manao fari-bolana. Ligne—. Tsipika *vorivory, kivorivory.* Mouvement —. Fihetsehana *manao fari-bolana.*

—, *sf.* Taratasy mitovy ampitondraina amy ny olona maro.

CIRCULAIREMENT, *adv.* Vorivory, kivorivory, manao fari-bolana. La lune se meut—. Ny fandehan'ny volana *manao fari-bolana.*

CIRCULATION, *sf.* 1° Fiverimberenana, fivoivoizana, fivezivezena. 2° *fig.* Fielezana.

CIRCULER, *vn.* 1° Miverimberina, mivoivoy, mivezivezy. Le sang circule dans le corps. *Miverimberina,* etc., anatin' ny vatana ny ra. Le peuple circule sur la place. *Mivoivoy, mivezivezy* eo ankianja ny vahoaka. 2° *fig.* Miverimberina, mivoivoy, mivezivezy. L'argent circule. *Miverimberina,* etc., ny vola. 3°—, Miely. Le bruit a circulé rapidement. *Niely* faingana ny tsaho.

CIRE, *sf.* 1° Savoka. Enduire de—. Manoso *tsavoka, manasavoka.* 2°—, Labozý savoka. Il brûle de la—. Manao jiro *labozý savoka* izy. ‖ — à cacheter. Loko fanaovan-kasé.

CIRER, *va.* 1° Manasavoka, manoso-tsavoka. 2°—, Miborosy kiraro.

Se cirer, *vpr.* 1° Savohana. 2°—, Borosina.

CIRQUE, *sm.* 1° Kianja vorivory filalaovana tamy ny Romana, fa indrindra fifanalan' ny soavaly hazakazaka. 2°—, Tokotany fanaovana dihim-bazaha.

CISAILLES, *sf. pl.* Hetim-bý, hetim-bifotsy, hetim-barahina.

CISEAU, *sm.* 1° Fandraka. —de menuisier. *Fandraka.* —de maçon. *Fandrabato.* —de sculpteur. *Fandraka* fisokirana. 2°—, Fisokitra. Il a le — délicat. Kanto *fisokitra* izy.

Ciseaux, *sm. pl* Hety. Une paire de—. *Hety.* Couper avec des—. *Manety.*

CISELER, *va.* Misokitra.

Se ciseler, *vpr.* Sokirina.

CISELET, *sm.* Fandraka kely fisokirana.

CISELEUR, *sm.* Mpisokitra.

CISELURE, *sf.* Fisokirana, sokitra, izay voasokitra.

CITADELLE, *sf.* Baterý.

CITADIN, INE, *s.* Mponina amy ny renivohitra, ambonivohitra.

CITATION, *sf.* 1° Fakana olona hotsaraina. Le juge lui a envoyé une—. *Nampaka* azy *hotsaraina* ny mpitsara. 2°—, Fakan-teny. Cette— de l'Ecriture Sainte est fausse. Diso izany *fakan-teny* avy amy ny Soratra Masina izany.

CITÉ, *sf.* Tanàna lehibe, renivohitra. ‖ *loc.* Il a acquis le droit de—. Mahazo manao ny ataon'ny zana-tany izy.

CITER, *va.* 1° Mampaka olona hotsaraina, miantso—. Voy. ASSIGNER. 2°—, Maka teny, milaza, manao, mankalaza.— quelques paroles de l'Evangile. *Maka teny* sasany avy amy ny Evanjely. Il serait trop long de—tous les noms. Lava loatra ny *milaza* ny anarana rehetra. On le cite parmi les plus habiles. *Atao* an' isan' izay mahay indrindra izy. Il est cité pour sa bravoure. *Ankalazaina* noho ny herim-pony izy.

Se citer, *vpr.* Manao ny nataony na ny voalazany ho ohatra.

CITÉRIEUR, EURE, *adj.* Atý an-dafy.

CITERNE, *sf.* Dobo fanangonan-dranonorana.

CITOYEN, ENNE, *s.* Mponina amy ny renivohitra. Les citoyens de Rome. Ny *mponina* any Roma. 2°—, Zana-tany, tompon-tany, vahoaka. Les citoyens français. Ny *zana-tany,* ny *tompon-tany* frantsay. Devenir— français. Tonga *vahoaka* frantsay. ‖ *loc.* C'est un bon—. Tia tanin-drazana izy.

CITRON, *sm.* Voasary makirana, — mandina.

—, *adj.* Mivolom-boasary.

CITRONNÉ, ÉE, *adj.* Nasiana ranomboasary, misy fofom-boasary.

CITRONNELLE, *sf.* Veromanitra.

CITRONNIER, *sm.* Voasary, foto-boasary.

CITROUILLE, *sf.* Voatavo.

CIVETTE, *sf.* Jaboady.

CIVIÈRE, *sf.* Fiara, filanjam-bato.

CIVIL, ILE, *adj.* 1° Momba ny zana-tany,— ny tompon-tany,— ny borozano. Droits civils. Izay azon' ny *zana-tany, tompo-tany* atao. Emploi—. Rahara-ham-*borozano* ‖ *loc.* Guerre civile. Ady an-trano. Procès—. Ady madio. Droit —. Lalàna momba ny ady madio. 2°—, Mahay manaja, mahalala fomba. C'est un homme fort—. Olona *mahay manaja,* etc., izy.

CIVILEMENT, *adv.* 1° Araka ny lalàn' ny ady madio. 2°—, Amim-panajana. Il reçoit— tout le monde. Raisiny *amim-panajana* ny olon-drehetra.

CIVILISATEUR, TRICE, *adj.* Mampahendry.

CIVILISATION, *sf.* Fampahendrena, fahendrena, sivilizasiona.

CIVILISER, *va.* Mampahendry. — les barbares. *Mampahendry* ny barbariana.

Se civiliser, *vpr.* Mihahendry.

CIVILITÉ, *sf.* Fanajana. Il m'a reçu avec —. Noraisiny tamim-*panajana* àbo. Il m'a fait bien des civilités. Nampiseho *fanajana* lehibe tamiko izy.

CIVIQUE, *adj* Momba ny fitiavana tanin-drazana, momba ny zana-tany. Les vertus civiques. Ny hatsaram-panahy *momba ny fitiavan-tanin-drazana.* Droits civiques. Izay azon' ny *zana-tany* atao.

CIVISME, *sm.* Fahazotoana hanasoa tanin-drazana.

CLABAUDAGE, *sm.* 1° Fivovozana foana. 2° *fig.* Fihohahohana foana, finaonaona foana, fikafara foana.

CLABAUDER, *vn.* 1° Mivovó foana. 2° *fig.* Mihohahoha foana, minaonaona foana, mikafara foana. — contre quelqu'un. *Mikafara* olona *foana.*

CLABAUDERIE, *sf.* Fihohahohana foana.

CLABAUDEUR, EUSE, *s.* Mpihohahoha foana, mpinaonaona foana, mpikafara foana.

CLAIE, *sf.* Hazo makarakara, voniafo, sivana, fanintsanana. —placée au-dessus du foyer pour faire sécher le bois. *Voniafo.*— à passer du sable. *Sivana, fanintsanam*-pasika.

CLAIR, AIRE, *adj.* 1° Mazava, diavolana, madio, mangarangarana. Le feu est —. *Mazava* ny afo. La lune est claire. *Diavolana* ny andro, *madio* ny volana. Le ciel est—. *Madio* ny lanitra. La chambre est claire. *Mazava* ny efi-trano. Voix claire. Feo *mazava.* Cette eau est claire. *Mangarangarana* io rano io. 2°—, Makarakara, mangarahara, manify, mahalana. Cette étoffe est claire. *Makarakara, mangarahara, manify* ity lamba ity. Il a les cheveux clairs. *Manify* volo izy. Les blés sont clairs. *Manify, mahalana* ny varim-bazaha. 3°—, Tanora, matsora. Bleu—. Manga *tanora.* Cette soupe est trop claire. *Matsora* loatra ity lasopy ity. 4° *fig.* Mazava, mazava filaza. Idée claire. Hevitra *mazava.* Ce prédicateur n'est pas —. Tsy *mazava filaza* io mpitory teny io.

—, *sm.* Mazava, antoandro, diavolana. Il fait —. *Mazava, antoandro* ny andro. — de lune. *Diavolana.* On peut lire au—de la lune. Azo amakian-teny ny *diavolana.*

Clair, *adv.* 1° Mazava. Voir—. Mahita *mazava.* 2° —, Manify, mahalana. Semer—. Manao fafy *manify,* etc. 3° *fig.* Mazava. Voir—dans une affaire. Mahita *mazava* ny momba raharaha anankiray.

Au clair, *loc. adv.* 1° Madio. Tirer du vin au—. *Manadio,* mampandry divay. 2° *fig.* Mazava. Tirer une affaire au—. *Manazava* raharaha anankiray.

CLAIREMENT, *adv.* Mazava, tsotra. Parler—. Miteny *mazava,* etc.

CLAIRET, *adj.* et *sm.* Divay tsy mena loatra.

CLAIRE-VOIE, *sf.* Vavahady na varavarana makarakara.

A claire-voie, *loc. adv.* Makarakara, mangarahara, manify.

CLAIRIÈRE, *sf.* Ny tsy misy hazo ao anaty ala.

CLAIRON, *sm.* 1° Bingona. 2°—, Mpitsoka bingona.

CLAIRSEMÉ, ÉE, *adj.* Manify fafy. Blé—. Varim-bazaha *manify fafy.*

CLAIRVOYANCE, *sf.* Fahalalana mazava, fahafantarana—, fahitana—, fahiratan-tsaina. Rien n'échappe à sa—. Tsy misy tsy *fantany,* tsy *hitany mazava.*

CLAIRVOYANT, ANTE, *adj.* Mahira-tsaina. Il a l'esprit—. *Mahira-tsaina* izy.

—, *s.* Ny mahiratra. Les aveugles et les clairvoyants. Ny jamba sy *ny mahiratra.*

CLAMEUR, *sf.* 1° Horakoraka, hohahoha. Pousser des clameurs. *Mihorakoraka, mihohahoha.* 2° *fig.* Fanaratsiana. Braver les clameurs des sots. Tsy matahotra ny *fanaratsian'* ny adala.

CLANDESTIN, INE, *adj.* An-tsokosoko, an-takona, mangingina, an-konohono. Mariage—. Fanambadiana *an-tsokosoko,* etc.

CLANDESTINEMENT, *adv.* An-tso-

kosoko, an-takona, mangingina, an-kohohono.

CLAPIER, *sm*. Lava-bitro.

CLAPIR (SE), *vpr*. Misitrika anaty lavaka. Les lapins se sont clapis dans leur trou. *Nisitrika* tao an-davany avokoa ny bitro.

CLAPOTAGE, CLAPOTIS, *sm*. Fitopatopan' ny ranomasina.

CLAPOTER, *vn*. Mitopatopa. La mer clapote. *Mitopatopa* ny ranomasina.

CLAPOTEUX, EUSE, *adj*. Mitopatopa. Flots—. Onjan-dranomasina *mitopatopa*.

CLAQUE, *sf*. Tahamaina. Donner une —à quelqu'un. Mamely *tahamaina* olona.

CLAQUEMENT, *sm*. Fitehaka, fikatrokatroka. — de mains. *Fitehaka*. — de dents. *Fikatrokatroky* ny nify.

CLAQUEMURER, *va*. Manizina, mampihizina, mampihiboka, mampifahy.

Se claquemurer, *vpr*. Mihiboka, mifahy.

CLAQUER, *vn*. Mitehaka, mikatrokatroka, mitefoka, mipoapoaka.— des mains. *Mitehaka*. Ses dents claquent. *Mikatrokatroka* ny nifiny. Faire—le fouet. *Mampitefotefoka, mampipoapoaka* ny karavasy.

—, *va*. 1° Mamely tahamaina.—quelqu'un. *Mamely tahamaina* olona. 2°—, Mitehaka.— l'orateur. *Mitehaka* ny mpandaha-teny.

CLAQUETTE, *sf*. Lamako.

CLAQUEUR, *sm*. Mpitehaka voasisika.

CLARIFICATION, *sf*. Fanadiovana, fanatantavanana.

CLARIFIER, *va*. Manadio, manatantavana, mampandry.—en faisant passer à travers un linge. *Manatantavana*.— en laissant reposer. *Mampandry*.

Se clarifier, *vpr*. Mihamadio.

CLARINETTE, *sf*. 1° Kilarinety. 2°—, Mpitsoka kilarinety.

CLARTÉ, *sf*. 1° Hazavana, fahazavana, mazava, hadio, fangarangarana. La — du soleil. Ny *fahazavan'* ny masoandro. Les hibous fuient la—. Tsy tia *hazavana, fahazavana, mazava* ny vorondolo. 2° *fig*. Fahazavana.

CLASSE, *sf*. 1° Toko, antoko, filaharana. Le peuple se partage en trois classes: les nobles, les hovas, les esclaves. Mizara telo *toko* ny vahoaka, dia ny andriana, ny hova ary ny andevo. La—des mammifères. Ny *antokon'* ny biby mampinono. Il a été nommé docteur de première—. Natsangana ho dokotera amy ny *antoko, filaharana* voalohany izy. Ce soldat est de la—de 1880. Amy ny *antokon'* ny miaramila nalaina tamy ny taona 1880 izy. 2°—. Toetra. Les basses classes. Izay ambany *toetra* Les classes élevées. Izay ambony *toetra*. 3°—. Kilasy, fianarana, trano fianarana, tranontsekoly. Rangez ici la première—. Alaharo eto ny *kilasy* voalohany. Il va en —. Mandeha *hianatra* izy. Il fait la—d'histoire. *Mampianatra* tantara izy. Entrez dans la—. Midira ao an-*trano fianarana, an-tranon-tsekoly*.

CLASSEMENT, *sm*. 1° Fanokotokoana, fizarazarana, fitokotokoana. 2°—, Fandaharana, filaharana.

CLASSER, *va*. 1° Manokotoko. mizarazara. —des soldats. *Manokotoko*, etc., miaramila. 2°—, Mandahatra, mandamina. — des livres. *Mandahatra*, etc., boky.

CLASSIFICATION, *sf*. Fanokotokoana, fizarazarana, fitokotokoana.

CLASSIQUE, *adj*. Momba ny fianarana. Quels sont vos exercices classiques? Inona avy no *fomba m-pianarana* ataonao? Livre—. Boky *fianarana*.

—, *adj*. et *s*. Mpandaha-teny malaza fakan-tahaka, manahaka ny any ny mpandaha-teny malaza.

CLAUSE, *sf*. Zavatra ao amy ny fanekena,— farahafatra,— didy, etc. On a mis dans le contrat des clauses avantageuses pour lui. Nasiana *zavatra* mahasoa azy *ao amy ny fanekena*.

CLAVETTE, *sf*. Hombo atao sakana.

CLAVICULE, *sf*. Taolam-panavy.

CLAVIER, *sm* 1° Fitendrena amy ny armonia. 2°—, Rojo na masom-bý fitohizana laklé maro.

CLEF ou **CLÉ**, *sf*. 1° Fanalahidy, laklé, hidy. Petite—. *Fanalahidy, laklé* kely. Fermez la maison à—. Hidiho am-*panalahidy* ny trano. Mettez la viande sous—. *Hidio* ny hena. — de robinet. *Hidin*-tsiriry. — pour écrou. *Laklé*.— de montre. *Laklem*-pamaura anandro. —de voûte. *Laklen'* andohalambo. 2° *fig*. Vavahady, fototra. Cette place est la—du royaume. Io tanána io no *vavahadin'*ny fanjakana Je vais vous donner la—de cette a aire. Hambarako anao ny *fototr'* izany rahar ha izany.

CLÉMENCE, *sf*. Indrafó, famindram-pó.

CLÉMENT, ENTE, *adj.* Be indrafó, mpamindra fo. Juge—. Mpitsara *be indrafó*, etc.

CLERC, *sm.* 1° Mpianatra ho pretra. 2° —, Mpanoratra. || *loc.* Pas de—. Hadisoana tsy nahy. Il a fait un pas de—. *Diso tsy nahy* izy.

CLERGÉ, *sm.* Klerjy, ny mpanao raharaha amy ny fivavahana (ny eveka, ny pretra, ny mpianatra ho pretra.)

CLÉRICAL, ALE, *adj.* 1° Momba ny klerjy. 2°—. Miandany amy ny klerjy.

CLICHAGE, *sm.* Fanovana pejy vita amy ny lohavý ho lohavý mikambana.

CLICHÉ, *sm.* 1° Pejy vita amy ny lohavý mikambana. 2°—, Fitaratra misy ny fotografý izay afindra amy ny taratasy.

CLICHER, *va.* Manova pejy vita amy ny lohavý ho lohavý mikambana.

CLIENT, ENTE, *s.* Mpanao trano fantatra.

CLIENTÈLE, *sf.* Ny mpanao trano fantatra.

CLIGNEMENT, *sm.* Fihiringirinana, fihirohiroana.

CLIGNER, *va.* Mampihiringirina, mampihirohiro. On ne peut regarder le soleil sans — les yeux. Tsy azo jerena ny masoandro raha tsy *mihiringirina*, *mihirohiro* maso.

—, *vn.* Mihiringirina, mihirohiro, ngirimaso.

CLIGNOTANT, ANTE, *adj.* Mipipý. Yeux clignotants. Maso *mipipý.*

CLIGNOTEMENT, *sm.* Fipipiza-maso.

CLIGNOTER, *vn.* Mipipý maso, heby maso. Ce vieillard ne fait que—. *Mipipý maso*, etc., io lahiantitra io.

CLIMAT, *sm.* 1° Klimata, toetry ny tany. Le—de Tamatave est très chaud. Mafana dia mafana ny *klimata*, etc., any Toamasina. 2°—, Tany Changer de—. Mifindra *tany.*

CLIN D'ŒIL, *sm.* Fipý maso. Il lui fit signe d'un—. *Namy maso* azy izy.

En un clin d'œil, *loc. adv.* Indray mipý maso, tsy ampy toinona, poatoizay.

CLINIQUE, *sf.* Fahaizam-panafody ampianarina eo akaikin' ny marary.

CLINQUANT, *sm.* 1° Takela-bolamena na volafotsy na varahina mamirapiratra fanao amy ny ambordao. 2° *fig.* Ankosoka. Ses écrits sont pleins de—. Be *ankosoka* ny boky nataony.

CLIQUE, *sf.* Firaisan-tetika, fiokoana.

CLIQUETER, *vn.* Mikitrana, mikorintsana.

CLIQUETIS, *sm.* Fikitrana, fikorintsana. J'entends le — des baïonnettes. Reko ny *fikitrana*, ny *fikorintsan*'ny benitra.

CLOAQUE, *sm.* 1° Vody fabitra, fanariana ondana, fanarian-jezika, honahona maimbo. 2° *fig.* Trano maloto, —latsikely.

CLOCHE, *sf.* 1° Lakolosy. 2°—, Giloby miendri-dakolosy. 3°—, Mibontsina, mipoaka Comme AMPOULE.

CLOCHEMENT, *sm.* Fandringa, fikolepaka, fikotrifa, fikotringatringa, fitolila, fitolitsika.

CLOCHE-PIED (À), *loc. adv.* Tongo-dovia Aller à—. Manao *tongo-dovia.*

CLOCHER, *sm.* Tranon-dakolosy. — pointu. *Tranon-dakolosy* mitsilotsilo.

CLOCHER, *vn.* 1° Mandringa, mikolepaka, mikotrifa, mikotringatringa, mitolila, mitolitsika. Comme BOITER. 2° *fig.* Tsy mifanaraka, tsy mety, diso. Cette comparaison cloche. *Tsy mifanaraka*, etc , izany fanoharana izany. Votre raisonnement cloche. *Tsy mety, diso* ny porofonao.

CLOCHETTE, *sf.* Lakolosy kely.

CLOISON, *sf.* Efitra, efitrefitra. — en planches. *Efitra* hazo. La — des fosses nasales. Ny *efitra* mampisaraka ny vavorona.

CLOISONNAGE, *sm.* Efitra hazo, — tanimanga, etc.

CLOISONNÉ, ÉE, *adj.* Mieftrefitra.

CLOÎTRE, *sm.* Monastera, vohitry ny relijiozy, tranon' ny —.

CLOÎTRÉ, ÉE, *adj.* (Relijiozy) tsy mivoaka ny vohitra. Religieuse cloîtrée. Masera *tsy mivoaka ny vohitra.*

CLOÎTRER, *va.* Mametraka olona ao anatin' ny monastera.

Se cloîtrer, *vpr.* 1° Miditra ao anatin' ny monastera. 2° *fig.* Mihiboka, mifahy.

CLOPIN-CLOPANT, *loc. adv.* Ampidraikodraikoana, am - pidehadehana. Aller —. Comme CLOPINER.

CLOPINER, *vn.* Midraikodraiko, midehadeha, mitolilalila.

CLOPORTE, *sm* Mpiandritrano.

CLORE, *va.* 1° Mamefy, manisy tamboho, — rova, — vala. — un jardin. *Mamefy, manisy tamboho, vala* ny zarday. 2°— Manakombona, manampina. — la bouche. *Manakombom*-bava, *mikombom*-bava. — la bouche à quelqu'

un. *Manampim*-bava olona, mandresy lahatra olona. || *loc.* — l'œil. Matory. 2° —, Manapitra, mamita, mamarana, manapaka. — un traité. *Manapitra, etc.*, fanekena.

CLOS, OSE, *p.* et *adj.* 1° Mifefy, voafefy, nofefena, misy tamboho, — rova. — vala. C'est un jardin —. Zariday *mifefy, misy tamboho, vala* io. 2° —, Mikombona, mitampina. 3° —, Tapitra, vita, novitaina, voafarana, nofaranana, tapaka, notapahina. || *loc.* Nuit close. Maizimbava vilany.

—, *sm.* Tanimboly misy fefy, — tamboho.

CLÔTURE, *sf.* 1° Fefy, tamboho, vohitra, rova, vala. Garder la —. Tsy mivoaka ny *tamboho, vohitra.* 2° —, Fanaperana, famitana, famaranana, fanapahana.

CLOU, *sm.* Fantsika, fantoka. — à tête. *Fantsika* peta-doha. Enfoncer un —. Mampiditra *fantsika.* Mettre des clous aux souliers. *Mamantsika* kiraro. 2°—, Vay. || *loc.* — de girofle. Karafohy.

CLOUER, *va.* 1° Mamantsika, mamantoka. —des planches. *Mamantsika, mamantoka* hazo fisaka. Les Juifs clouèrent Jésus-Christ à la croix. *Namantsika* any Jeso-Kristy teo amy ny hazo-fijaliana ny Jody. 2° *fig.* Mampipetraka, mampifantsika. Le mal l'a cloué dans son lit. Ny aretina *nampipetraka* azy tao am-pandriany. Mon emploi me cloue ici. *Mampifantsika* ahy eto ny raharahako.

CLOUTERIE, *sf.* Fanaovana na fivarotana fantsika.

CLOUTIER, *sm.* Mpanao na mpivarotantsika.

CLUB, *sm.* Fivoriana, flokoana.

CLYSOPOMPE, *sm.* Basiranom-body miasa tena.

CLYSTÈRE, *sm.* Basirano avy any ambany, faham-basirano.

COACCUSÉ, ÉE, *s.* Naman'ny voampanga.

COACTIF, IVE, *adj.* Mahazo manery. Pouvoir—. Fahefana *hanery.*

COACTION, *sf.* Fanerena. User de—. *Manery.*

COADJUTEUR, *sm.* Eveka mpanampy ny eveka.

COAGULATION, *sf.* Fivonganana, fandriana.

COAGULER, *va.* Mampivongana, mampandry.

Se coaguler, *vpr.* Mivongana, mandry. Le sang s'est coagulé. *Nivongana, nandry* ny ra.

COALISÉ, ÉE, *adj.* Miandany. Armée coalisée. Tafiky ny *mpiandany.*

—, *sm. pl.* Mpiandany.

COALISER, *va.* Mampiandany.

Se coaliser, *vpr.* Miandany, manao andaniny,

COALITION, *sf.* Fiandaniana, fikambanan' ny fanjakana maro ho andaniny.

COASSEMENT, *sm.* Figoraidraika, fihoraka, faneno.

COASSER, *vn.* 1° Migoraidraika, mihoraka, maneno. 2° *fig.* Mikamentsona, mikafara.

COASSOCIÉ, *sm.* Namana, mpikambana, mpiombona.

COCAGNE, *sf.* Pays de—. Tany lonaka. Mât de—. Andry malama filokana.

COCARDE, *sf.* Vonan-dribá haingontsatroka.

COCASSE, *adj.* Hafahafa, valavala, mampihomehy.

COCHE, *sm.* Kalesy.

COCHENILLE, *sf.* Biby kely anaovana loko mena mangatrakatraka.

COCHER, *sm.* Mpitarika kalesy.

COCHÈRE, *adj. f.* Porte—. Vavahady fampidirana kalesy.

COCHON, *sm.* 1° Kisoa. —de lait. Zana*kisoa* mbola minono, 2° *fig.* Olona maloto, —voretra.

COCHONNERIE, *sf.* Zavatra maloto, fahalotoana, fahavetavetana.

COCO, *sm.* Voaniho.

COCON, *sm.* Akoran-dandy, landy.

COCOTIER, *sm.* Foto-boaniho, voaniho.

CODE, *sm.* 1° Bokin'ny lalána. —civil. *Bokin' ny lalána* momba ny ady madio. 2°—, Fitsipika.

COERCITIF, IVE, *adj.* Mahazo manery. Pouvoir—. Fahefana *hanery.*

COERCITION, *sf.* Fanerena. Les juges ont droit de—. Ny mpitsara manampahefana *hanery.*

COÉTERNEL, ELLE, *adj.* Samy mandrakizay. Le Verbe est — au Père. *Samy mandrakizay* ny Ray sy ny Teny.

CŒUR, *sm.* 1° Fo. Son — ne bat plus. Tsy mitepotepo intsony ny fony. 2° —,

Tratra. Il le serra contre son —. Nofihininy tao an-*tratrany* izy. 3° *fig*. Fo, saina, kibo, fitiavana, zotom-pó, fahazotoana, herim-pó, ny ao am-pó. Ces paroles sont gravées dans mon —. Voasokitra ao am-*poko*, an-*tsaiko*, an-*kiboko* izany teny izany. Les premiers chrétiens ne formaient qu'un —. Ny kristiana voalohany niray *fo*, *fitiavana*. Il a bon —. Tsara *fo*, mazava *fo* izy. Il a fait de grand — ce que je lui ai ordonné. Nanao amin-*jotom pó*, amin *kazoloana* izay nandidiako azy izy. C'est un homme de —. Be *herim-pó*, *mahery fo* izy. Ouvrir son—. Mamboraka *ny ao am-pó-ny*. Avoir un—de bronze, d'airain, de marbre. Manana *fo* vato. Dire dans son —. Manao anakam-*pó* hoe .... 4°—, Ambavafo. Il a mal au —. Misalebolebo ny *ambavafony* ; *fig*. madikidikyizy. 5°—, Samamena, fonombimena. Le roi de —. Ny andriandahin' ny *samàmena*, etc. 6° —. Anivo, ampovoany, aty, votoaty. Il habite au—de la France. Monina ao *anivo*. *ampovoany* Frantsa izy. Il est parti au — de l'hiver. Lasa tamy ny *àty* ririnina izy. Le — d'une pomme Ny *atin'* ny paoma. Le—d'un arbre, Ny *votoatin'* ny hazo.

Par cœur, *loc. adv*. Tsy anjery, tsy amboky, piliavava. Il sait l'Evangile par—. Hainy *tsy anjery*, etc., ny Evanjely.

COEXISTENCE, *sf*. Fiarahana misy.

COEXISTER, *vn*. Miaraka misy.

COFFRE, *sm*. Vata. || Coffre-fort. Lalomoara vý.

COFFRER, *va*. Manao an-tranomaizina.

COFFRET, *sm*. Vata kely.

COGNAC, *sm*. Konjaka.

COGNASSIER, *sm*. Foto-koaintsy, koaintsy, merika.

COGNÉE, *sf*. Famaky.

COGNER, *va*. Mively. — un clou. *Mively* fantsika.

—, *vn*. Mandona. — à la porte. *Mandombaravarana*.

Se cogner, *vpr*. Midona, migona. Il s'est cogne la tête contre le pilier. *Nidona*, *nigona* tamy ny andry ny lohany.

COHABITATION, *sf*. Firaisan-trano.

COHABITER, *vn*. Miray trano.

COHÉRENCE, *sf*. Firaiketana, fifamihinana.

COHÉRENT, ENTE, *adj*. Miraikitra, mifampiraikitra, mifamihina.

COHÉRITIER, IÈRE, *s*. Mpiray lova, mpiombon-dova.

COHÉSION, *sf*. Firaiketana, fifamihinana.

COHORTE, *sf*. 1° Antoko-miaramila 600 tamy ny Romana. 2° *fig*. Miaramila, tafika.

COHUE, *sf*. Tabataba. Cette assemblée ne fut qu'une —. Tsy nisy afa-tsy *tabataba* izany fivoriana izany.

COI, COITE, *adj*. Mamitsaka. Il s'est tenu — dans un coin. *Namitsaka* tao amy ny zoro anankiray izy.

COIFFE, *sf*. Satro-behivavy. || —de chapeau. Dabuleran-tsatroka.

COIFFER, *va*. 1° Mampisatroka. 2° —, Manety volo, manao —. Il m'a bien coiffé. Nataony tsara *hety* ny *voloko*. Cette servante me coiffe bien. Tsara *fanao volo* ahy io ankizivavy io.

Se coiffer, *vpr*. 1° Misatroka. 2°—, Manao volo. 3° *fig*. Mitompo teny fantatra, tia loatra. Il s'est coiffé de cette idée. *Mitompo teny fantatra* amin' izany hevitra izany izy. Il s'est coiffé de cet homme. *Tia loatra* io olona io izy.

COIFFEUR, *sm*. Mpanety volo.

COIFFEUSE, *sf*. Mpanao volo.

COIFFURE, *sf*. 1° Satroka. 2°— Taovolo.

COIN, *sm*. 1° Zoro, kiho, zoron-trano, vazana. Le — de la maison. Ny *zoron*-trano. Le — de la table. Ny *zoron*-databatra. —de rue. *Zoro*, *kihon*-dalana. Il ne bouge pas du — du feu. Tsy miala eo an-*joron*-patana izy. Il alla chercher dans un—. Lasa nitady tao amy ny *zorontrano* anankiray izy. Il a parcouru les quatre coins de la terre, Nitety ny *zorontany*, ny *vazan*-tany efatra izy. || *loc*. Un — de terre. Tany kely foana. Regarder du — de l'œil. Mangala-pijery. 2°—, Sesika, silaka, kaka, —de bois. *Sesi*-kazo. —de fer. *Sesi*-bý, *silaka*. 3° —, Fitomboka. Cette piastre est marquée au — de l'Etat. Voamarika amy ny *fitomboky* ny fanjakana itony farantsa itony.

COINCIDENCE, *sf*. 1° Fikambanana. 2°—, Fiarahana.

COINCIDER, *vn*. 1° Mikambana. Ces deux lignes coïncident. *Mikambana* ireo tsipika roa ireo. 2°—, Miaraka. Ces deux événements coïncidèrent. *Niaraka* ireo zavatra roa niseho ireo.

COING, *sm*. Koaintsy, voan-koaintsy, voa-merika.

COINTÉRESSÉ, ÉE, *s*. Mpiombon-antoka, mpiombom-barotra.

COL, *sm.* 1° Vozon-javatra, fehitenda. Un — de chemise. *Vozon*-dobaka. Un faux—. Solo *vozona*. Le — du fémur. Ny *vozon'* ny taolam-pé. Un—de velours. *Fehitenda* volory. 2° *fig.* Hadilanana, ankadilanana.

COLÉOPTÈRE, *sm.* Biby kely toy ny voangory, ny voanosy, ny voantay, etc.

COLÈRE, *sf.* Hatezerana, fahatezerana, fahavinirana, havinirana. Être en —. *Tezitra, vinitra.* Il est en — contre vous. *Tezitra, vinitra* aminao izy. Être enclin à la—. Mora *tezitra*, saro-pó, foizina. Être enflammé de—. Mirehitry ny *hatezerana*, misamontotra, misafoaka, mifoaka, mitroatra, mifoaba. Mettre en —. *Mahatezitra, mahavinitra.*

—, *adj.* Mora tezitra, saro-pó, foizina. Femme—. Vehivavy *mora tezitra*, etc.

COLIFICHET, *sm.* 1° Zavatra tsinontsinona. 2°—, Zavatra madinidinika ataon' ny vehivavy haingo.

COLIMAÇON, *sm.* Comme LIMAÇON.

COLIN-MAILLARD, *sm.* Ankitampimaso. Jouer à—. Manao *ankitampi-maso.*

COLIQUE, *sf.* Mandalo. J'ai des coliques. Mararin' ny *mandalo* aho, mitambolimbolina, mitangolingolika ny tsinaiko. Coliques sèches provenant de la faim. *Mandalo* noana, lolo. Coliques sèches qu' on ressent après avoir mangé. *Mandalo* voky.

COLIS, *sm.* Entana. Combien de — embarquez-vous? Firy ny *entana* aondranao ony an-tsambo?

COLLABORATEUR, *sm.* Mpiaramiasa.

COLLABORATION, *sf.* Fiaraha-miasa.

COLLABORER, *vn.* Miara-miasa amy ny famoronam-boky.

COLLAGE, *sm.* Fandokoana, fametahana.

COLLANT, ANTE, *adj.* Mifaninjitra. Pantalon —. Pataloha, *mifaninjitra.*

COLLATÉRAL, ALE, *adj.* Taranakavana.

— *s.* Tarana-kavana. Il n'a que des collatéraux pour héritiers. Tsy manan-kandova azy afa-tsy ny *tarana-kavany* izy.

COLLATION, *sf.* 1° Fihinanana kely amy ny hariva. 2°—, Fampitahana.

COLLATIONNER, *vn.* Manao fihinanana kely.

—, *va.* Mampitaha, mampiady kopia.

COLLE, *sf.* Dity, loko, lakoly, gilio. — de farine. *Lokon*-dafarina, *lakoly.* — forte. *Gilio.*

COLLECTE, *sf.* Fangataham-bola ho fanampiana.

COLLECTEUR, *sm.* Mpamory hetra.

COLLECTIF, IVE, *adj.* Milaza betsaka, — ankapobe, ataon'ny betsaka. Peuple, forêt sont des noms collectifs. Vahoaka, ala dia teny *milaza betsaka.* Travail —. Asa *ataon' ny betsaka.*

COLLECTION, *sf.* Famorian-javatra isan-karazany. Il fait une—d'oiseaux. *Mamory* vorona *isan-karazany* izy.

COLLECTIONNER, *va.* Mamory zavatra isan-karazany.

COLLECTIONNEUR, EUSE, *s.* Mpamory zavatra isan-karazany.

COLLECTIVEMENT, *adv.* Ankapobe. Les hommes pris —. Ny olombelona raha heverina *ankapobe.*

COLLÈGE, *sm.* Kolejy. Il est entré au —. Niditra tao amy ny *kolejy* izy. Le — est à la promenade. Lasa nitsangatsangana ny *kolejy.* || — des cardinaux. Ny kardinaly rehetra. Le — des cardinaux s'est réuni hier. Niangona omaly *ny kardinaly rehetra.*

COLLÉGIEN, *sm.* Kolejy. C'est un — instruit. *Kolejy* mahay zavatra io.

COLLÈGUE, *sm.* Namana.

COLLER, *va.* 1° Mandoko, mametaka amy ny dity, — lakoly, — gilio. — du papier. *Mandoko* taratasy, *mametaka* taratasy *amy ny dity, lakoly.* 2° —, Mampifetaka. L'eau avait collé ses vêtements sur son corps. Ny ranonorana *nampifetaka* ny akanjony tamy ny vatany. 3° *fig.* — ses lèvres sur la bouche *ou* sur le front de quelqu'un. Manorokoroka olona.

—, *vn.* Mifaninjitra. Ce vêtement colle bien. *Mifaninjitra* tsara io akanjo io.

Se coller, *vpr.* 1° Mipetaka. 2° —, Mifotaka, mifaninjitra. 3° *fig.* Mitampisaka. Se — à une porte. *Mitampisaka* ao ambaravarana.

COLLERETTE, *sf.* Fehitendam-behivavy.

COLLET, *sm.* Vozon' akanjo. || *loc.* Prendre quelqu'un au —. Misambotra olona.

COLLETER (SE), *vpr.* Mifampitolona, mifampisavika.

COLLEUR, *sm.* Mpandoko, mpametaka amy ny lakoly.

COLLIER, *sm.* 1° Fehivozona, gedragedra, rado, gadra. — de perles. *Fehivozona* voahangy. — en or. *Gedrage-*

dra, rado. —de chien. *Fehivozona, gadran'* alika. 2° —. Vozona. Un chien noir qui a un — blanc. Alika mainty fotsy *vozona.* 3° —, Fehivozon-tsoavaly hitarihan-kalesy na zavatra hafa. 4° *fig* —de misère. Asa mahasasatra. Donner un coup de—. Manao izay tratry ny aina hanatanterahan-draharaha.

COLLINE, *sf.* Havoana, tanety.

COLLISION, *sf.* 1° Fifampidonana, fifampigonana, fifampipohana. Il y a eu — entre les deux navires. *Nifampidona,* etc., ny sambo roa. Voy. CHOC. 2° *fig.* Ady.

COLLOQUE, *sm.* Resaka, firesahana.

COLLOQUER, *va.* Mametraka olona.

COLLYRE, *sm.* Ody maso.

COLOMBE, *sf.* Voromahailala.

COLOMBIER, *sm.* Tranom-boromahailala.

COLON, *sm.* Voanjo, mponina amy ny zana-panjakana.

COLONEL, *sm.* Kolonely.

COLONIAL, ALE, *adj.* Momba ny zana-panjakana. Les produits coloniaux. Ny vokatry ny tany avy amy ny *zana-panjakana.*

COLONIE, *sf.* 1° Voanjo, mponina amy ny zana-panjakana. 2°—, Tany voanjoana, zana-panjakana.

COLONISATEUR, *sm.* Mpametraka voanjo, mpanorina zana-panjakana.

COLONISATION, *sf.* Fametrahana voanjo, fanorenana zana-panjakana.

COLONISER, *va.* Mametraka voanjo, manorina zana-panjakana.

COLONNADE, *sf.* Andry mitandavana.

COLONNE, *sf.* 1° Andry, tsangam-bato. Six colonnes soutiennent le toit. *Andry* enina no manohana ny tafon-trano. || — vertébrale. Hazon-damosina. 2°—, Andia-miaramila mitandahatra, zavatra mifololótra, tsoriany, andalana, laharana. Les soldats s'avancèrent en deux colonnes contre l'ennemi. Nanao *andiany* roa *mitandahatra* ny miaramila mba hamely ny fahavalo. —de fumée. Setroka *mifololótra.* — d'un dictionnaire. *Tsorian-teny* amy ny diksionary. — de chiffres. *Andala*-marika, *lahara*—. 3° *fig.* Andry, tandroka. Ce ministre est la —de l'Etat. Io ministra io no *andry,* etc., ny fanjakana.

COLOPHANE, *sf.* Karazan-dity na ramy ahosotra ny fikasihan-dokanga.

COLORANT, ANTE, *adj.* Mampamirapiratra, manamena.

COLORÉ, ÉE, *adj.* 1° Mamirapiratra, mena, mangaka. Horizon—. Vody lanitra *mamirapiratra,* etc. Visage—. Tarehy *mamirapiratra, mena.* 2° *fig.* Be renty, be haingo, marevaka. Style —. Laha-teny *be renty,* etc.

COLORER, *va.* 1° Mampamirapiratra, manamena. Le soleil colore les fruits. Ny masoandro *mampamirapiratra,* etc., ny voankazo. 2° *fig.* Manarona. — un mensonge. *Manaron*-dainga.

Se colorer, *vpr.* Mihamamirapiratra, mihamena.

COLORIER, *va.* et *n.* Manoso-doko. Cette image a été bien coloriée. *Voahoso-doko* tsara io sary io. Il sait bien—. Mahay *manoso-doko* tsara izy.

COLORIS, *sm.* 1° Hoso-doko, volo, famirapiratra, hamena. Le — de cette image est bien. Tsara ny *hoso-dokon'* io sary io. Voilà des pêches d'un beau —. Indry paiso tsara *volo, mamirapiratra, menamena.* 2° *fig.* Renty, haingo. Son style manque de —. Tsy misy *renty,* etc., ny laha-teniny.

COLORISTE, *s.* Mpanoso-doko.

COLOSSAL, ALE, *adj.* 1° Makadiribe, ngezabe, goaibe. Statue colossale. Sariolona *makadiribe,* etc. 2° *fig.* Lehibe dia lehibe. Pouvoir —. Fahefana *lehibe dia lehibe.*

COLOSSE, *sm.* 1° Sariolona makadiribe. 2° —, Olona makadiry. 3° *fig.* Mpanjaka be fahefana, fanjakana lehibe.

COLPORTAGE, *sm.* Fanaovana varomandeha.

COLPORTER, *va.* 1° Manao varo-mandeha. 2° *fig.* Mampiely. — un bruit, *Mampiely* tsaho.

COLPORTEUR, *sm.* Mpanao varomandeha.

COLZA, *sm.* Karazan-daisoa fanaovan-tsolika.

COMBAT, *sm.* 1° Ady, fiadiana. — naval. *Ady* ambony ranomasina. — singulier. *Ady* samy irery. — de taureaux. *Adin'*ombalahy. Lieu de—. Tany *iadiana.* — d'esprit. *Ady* hevitra. Notre vie est un — perpétuel. *Ady* lalandava ny andro iainantsika. 2° —, Fahasahiranana, ahiahy, fifanoherana. Je suis dans de cruels combats. *Sahirana* loatra, be *ahiahy* aho. Il y a — entre la vérité et l'erreur. *Mifanohitra* ny marina sy ny hevi-diso.

COMBATTANT, *sm.* Mpiady.

COMBATTRE, *va.* 1° Miady. — plusieurs contre un. Manao *ady* am-parimbona. 2° —, Manohitra. — quelqu'un. *Manohitra* olona. — l'erreur. *Manohitra* ny hevi-diso. — ses passions. *Manohitra* ny filan-dratsiny. 3°—, Manisy fanafody. — une maladie. *Manisy fanafody* ny aretina.

COMBIEN, *adv.* 1° Firy, fahafiry. — êtes-vous? *Firy* hianareo? — de gens pensent autrement! *Firy* akory ny olona mihevitra hafa! — de brasses a cette étoffe? *Fahafiry* io lamba io? — de jours? *Hafiriana?* Dans — de jours reviendrez-vous? Raha afaka *hafiriana* hianao vao hiverina? Depuis — de jours est-il parti? *Hafiriana* no nialany? — de jours restera-t-il à Tananarive? Hijanona *hafiriana* any Antananarivo izy? —de fois? Im-*piry, fanimpiry.* —de fois a-t-il volé? Im-*piry* izy izay no nangalatra? *Fanimpiriny* izao no nangalarany? En — de parties? *Mifiry?* En — de parties a été partagé le pain? En cinq parties. *Voafiry* ny mofo? Voadimy. 2° —, Hoatrinona, maninona. — avez-vous dans votre bourse? *Hoatrinona* no ao an-kitapom-bolanao? — y a-t-il d'ici à la ville? *Hoatrinona* no halavitan' ny eto sy ny any an-tanàna. — coûte le riz? *Hoatrinona* ny vary? — coûtent dix bœufs à raison de cinq piastres chacun? *Hoatrinona, maninona* ny vidin' ny omby folo raha samy lafo ariary dimy avy? 3° —, Manao ahoana, habe. Vous savez — je vous aime. Fantatrao *manao ahoana* ny fitiavako anao. Je sais — il a de savoir. Fantatro ny *habeh*' ny fahaizany.

COMBINAISON, *sf.* 1° Fandaharana, filaharana. 2° —. Fampifangaroana, fifangaroana. 3° *fig.* Fandaharana, fandaminana.

COMBINER, *va.* 1° Mandahatra. — des chiffres. *Mandahatra* marika. 2°—, Mampifangaro.—deux substances. *Mampifangaro* zavatra roa. 3° *fig.* Mandahatra, mandamina. Il a bien combiné ses plans. *Nandahatra*, etc., tsara izay hataony izy.

COMBLE, *sm.* 1° Fitafotafo, hahavoloha. Le — d'une mesure de riz. Ny *fitafotafo*, ny *hahavolohan*' ny fahenimbary. 2°—, Tampon trano. Les ouvriers travaillent sur le—. Miasa any an-*tampon-trano* ny mpiasa. 3° *fig.* Tampony, fanaperana, fara. Il est arrivé au — des honneurs. Tonga amy ny *tampon'* ny voninahitra, amy ny *fanaperana* anarana izy. Il est au — de l'infortune. Efa mby amy ny *fara*-fahoriana izy. 4°—, Fanatanterahana, fanatontosana. Il est au — de ses désirs. *Tanteraka, tontosa* ny niriny. Il a mis le — à ma félicité. *Nanatontosa* ny fahasambarako izy.

De fond en comble, *loc. adv.* Tsy misy miangana. La ville fut ruinée de fond en—. Nofongorana *tsy nisy niangana* ny tanàna.

Pour comble, *loc. prép.* Tsy izany hiany, tsy vitan' izany. Il tomba malade et pour — de malheur, il perdit tout son bien. Narary izy, ary *tsy izany hiany*, etc., fa levona avokoa ny fananany.

COMBLE, *adj.* 1° Mihoa-pampana, mitafotafo, avoloha. La mesure est—. *Mihoa-pampana, avoloha* ny famarana; *fig.* *mihoa pampana, avoloha* ny fahoriana. 2° *fig.* Feno hiboka, —bivoka, —hika. La salle est—. *Feno hiboka*, etc., ny efi-trano.

COMBLÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Nofenoina mihoa-pampana. 2°—, Voatototra, nototofana, voatelika, noleleana. 3° *fig.* Feno, tototra. — d'honneurs. *Feno*, etc., voninahitra. 4°—, Tanteraka, tontosa. Mes vœux sont comblés. *Tanteraka*, etc., ny faniriako,

COMBLER, *va.* 1° Mameno mihoa pampana, mampitafotafo, manao avoloha. 2° —, Manototra, mandelika. —un fossé, *Manototra*, etc., hady, 3° *fig.* Mameno, manototra. Il m'a comblé de joie, d'honneurs. *Nameno*, etc., hafaliana, voninahitra ahy izy. 4°—, Manatanteraka, manatontosa. Dieu a comblé mes vœux, Andriamanitra *nanatanteraka*, etc., ny faniriako.

Se combler, *vpr.* Fenoina, totofana, leleana.

COMBUSTIBLE, *adj.* Mety mirehitra, azo dorana. Matières combustibles. Zavatra *mety mirehitra*, etc.

—, *sm.* Kitay. Un excellent—. *Kitay* tsara.

COMBUSTION, *sf.* 1° Firehetana, fandorana, fandevonana amy ny afo. L'air est nécessaire à la—. Tsy mety *mirehitra*, tsy azo *dorana* ny zavatra raha tsy misy rivotra. J'ai assisté à la—du palais. Nanatrika ny *nirehetana*, ny *nandevonan' ny afo* ny lapa aho. 2° *fig.* Tabataba, fikorontanana. L'Etat est en—. *Mitabataba, mikorontana* ny fanjakana.

COMÉDIE, *sf.* 1° Teatra mampihomehy

by. 2° —, Trano fanaovana teatra. 3° *fig*. Fihatsaram-belatsihy. 4°—, Hatsikana, arira. Donner la—. Manao *hatsikana*, etc.

COMÉDIEN, IENNE, *s*. 1° Mpanao teatra mampihomehy. 2° *fig*. Mpihatsaravelatsihy, mpody adala. Méfiez-vous de lui, c'est un grand —. Aza matoky azy hianao, fa tena *mpihatsaravelatsihy*, etc., loatra izy iny.

COMESTIBLE, *adj*. Azo hanina, fihinana. Substances comestibles. Zavatra *azo hanina*, etc.

—, *sm*. Hanin-ko hanina, fihinana.

COMÈTE, *sf*. Kintana manan-drambo, kometa.

COMIQUE, *adj*. 1° Momba ny *comédie*. 2° *fig*. Mampihomehy, hatsikana, arira. Visage —. Tarehy *mampihomehy*. Roman —. Angano *mampihomehy, hatsikana*.

—, *sm*. 1° Teatra mampihomehy. 2° —, Mpamorona *comédie*, mpanao teatra mampihomehy. 3° *fig*. Zavatra mampihomehy, hatsikana, arira.

COMIQUEMENT, *adv*. Mampihomehy. Il parle —, Manao fiteny *mampihomehy* izy.

COMITÉ, *sm*. Fivorian' olona handinika raharaha, komity.

COMMANDANT, *sm*. Komandy, mpitana beholatiny. — de place. *Komandin'* ny miaramila mponina.

COMMANDE, *sf*. Fanafarana hanao zavatra, hafatra. Il a fait à son cordonnier une — de dix paires de souliers. *Nanafatra* ny mpanao kirarony *hanao* kiraro folo amin' olona izy. Il a fait en France une — de dix barriques de vin. *Nanafatra* divay folo barika tany Frantsa izy.

De commande, *loc. adv*. Mody. Verser des pleurs de —. *Mody* mitomany.

COMMANDEMENT, *sm*. 1° Didy. — verbal. *Didy* am-bava. Observez les commandements de Dieu. Araho ny *didin'* Andriamanitra. 2°—, Fanapahana, fahefana, fahefan' ny komandy. Il aspire au —. Maniry *hanapaka*, hanam-*pahefana* izy. Il a obtenu le — de l'armée. Tonga *komandin' ny* tafika izy.

COMMANDER, *va*. 1° Mandidy, mifehy. C'est Dieu qui le commande. Andriamanitra no *mandidy* izany. Il commande l'armée. *Mifehy* ny tafika izy. 2°—, Manafatra hanao, manafatra. — une armoire. *Manafatra hanao*, etc., lalomoara. 3° —, Mahatarika, maha-te... La vertu commande le respect. Ny hatsaram-panahy *mahatarika* fanajana, *maha te*-hanaja. 4° —, Manerinerina. La citadelle commande la ville. *Manerinerina* ao an-tanàna ny baterý.

—, *vn*. Mandidy, mifehy, manapaka, mahafehy. Le père commande à ses enfants. Ny ray *mandidy, mifehy* ny zanany. Il commande dans cette province. Izy no *mandidy, mifehy, manapaka* amin' itý fari-tany itý. Il sait — à la chair. *Mahafehy* ny nofony izy.

Se commander, *vpr*. Mahafehy tena.

COMME, *adv*. de comparaison. 1° Tahaka, hoatry, toy, toraka. Il est dur — la pierre. Mafy *tahaka*, etc., ny vato izy. Aimez le prochain — vous-même. Tiavo *tahaka*, etc., ny tenanao ny namanao. Faites une chaise — celle-ci. Manaova seza anankiray *tahaka*, etc., ity. Faites comme si vous pleuriez. Manaova *toy* ny mitomany, modia mitomany. 2° —, Toa. Il est — insensé. *Toa* adala, mitarehin' adala, mitoetr' adala izy. 3°—, Manao ahoana. — il est changé! Niova *manao ahoana* izy!

—, *conj*. 1° Satria, noho. —vous me gênez, allez-vous-en. *Satria*, etc., hianao manahirana ahy, mandehana any. 2°—, Fony. —j'étais ici, on m'apporta une lettre. *Fony* teto aho, dia nisy nanatitra taratasy tamiko.

COMMÉMORAISON, *sf*. Fahatsiarovana ny Olo-masina.

COMMÉMORATIF, IVE, *adj*. Mampahatsiaro, fahatsiarovana. Fête commémorative. Fety *fahatsiarovana*.

COMMÉMORATION, *sf*. Fahatsiarovana. —des morts. *Fahatsiarovana* ny maty.

COMMENÇANT, ANTE, *s*. Mpianatra vao manomboka. Ce livre est pour les commençants. Ho any ny *mpianatra vao manomboka* ity boky ity.

COMMENCEMENT, *sm*. 1° Fiandohana, fiantombohana. Depuis le — du monde. Hatramy ny *niandohan'* izao tontolo izao. Un mois après le —de la guerre. Iray volana taorian' ny *niandohany, niantombohan'* ny ady. Les arbres fleurissent au — du printemps. Mamony ny hazo amy ny *fiandohana*, etc., ny lohataona. 2°—, Voalohany. Au — Dieu créa le ciel et la terre. Tamy ny *voalohany* Andriamanitra nahary ny lanitra sy ny tany. Racontez tout depuis

le — jusqu'à la fin. Tantarao hatramy ny *voalohany* ka hatramy ny farany ny zavatra rehetra.

COMMENCER, *va.* 1° Manomboka. — une maison, un travail, une guerre *Manomboka* trano, asa, ady. 2°—, Miantomboka, ela mby. Aujourd'hui nous commençons l'année. *Miantomboka*, etc., amy ny taom-baovao isika anio.

—, *vn.* 1° Manomboka, miantomboka, miandoha. Les pluies commencent. *Manomboka*, etc., ny ranonorana. 2°—, Mianatra, mila ho, miha..... Cet enfant commence à parler. *Miana*-miteny io zaza io. Il commence à me déplaire. *Mila* hahaboboka ahy izy. Il commence à faire jour. *Miha*mazava ny andro.

COMMENSAL, *sm.* Mpiara-mihinana.

COMMENSURABLE, *adj.* Azo oharina.

COMMENT, *adv.* 1° Manao ahoana. — vous portez-vous? *Manao ahoana* hianao? 2°—, Ahoana, inona, izay. — permettez-vous cela ? *Ahoana* no amelanao hanao izany? —a-t-il obtenu cet emploi? Je ne sais—. *Ahoana, inona* no nahazoany izany raharaha izany? Tsy fantatro *izay* nahazoany azy. 3°—, Edré! adré! hanky! hiá! — ! vous voilà déjà arrivé! *Edré!* etc., tonga sahady hianao!

COMMENTAIRE, *sm.* 1° Fivoasan-teny. 2°—, Vavan' olona, fanaratsiana. Il ne craint point les commentaires du peuple. Tsy matahotra ny *vavan' olona*, etc., ny vahoaka izy.

COMMENTATEUR, TRICE, *s.* Mpivaofy teny.

COMMENTER, *va.* Mivaofy teny. —la Bible. *Mivaofy* ny Soratra Masina.

—, *vn.* Manaratsy, manabóka. Il commente sur tout. *Manaratsy*, etc., amy ny zavatra rehetra izy.

COMMÉRAGE, *sm.* Fiketsoketsoana. Faire des commérages. *Miketsoketso.*

COMMERÇANT, ANTE, *adj.* et *s.* 1° Mpivarotra. Peuple —. Firenena *mpivarotra*. 2°—, Be varotra. Ville commerçante. Tanána *be varotra.*

COMMERCE, *sm.* 1° Varotra, fivarotana, fandrantoana. — en gros. *Varotra* am-bongadiny. — en détail. *Varotra* an-tsinjarany. Maison de—. Trano *fivarotana*. Se livrer au. — Manao *varotra*. Faire le — au loin. *Mandranto.* 2° *fig.* Fifanatonana, fifamangiana, fifampitondran-javatra. Il est d'un — agréable. Mahafaly izay *manatona, mamangy* azy izy. Être en — de lettres avec quelqu'un. *Mifampitondra* taratasy amin' olona.

COMMERCER, *vn.* Manao varotra, mandranto.

COMMERCIAL, ALE, *adj.* Momba ny varotra.

COMMÈRE, *sf.* Vehivavy ketsoketso.— mpiketsoketso, — mahay vava, — vavána.

COMMETTRE, *va.* 1° Manao. — une faute, un crime. *Manao* fahotana, heloka be vava. 2° —, Manendry, mametraka. — quelqu'un à la garde des prisonniers. *Manendry* olona hiambina ny ao an-tranomaizina. — ses enfants à la garde d'un sage instituteur. *Mametraka* ny zanany ao amy ny mpampianatra hendry.

Se commettre, *vpr.* Misy, atao. Des vols se commettent tous les jours. *Misy* halatra isan' andro.

COMMIS, *sm.* Mpitam-barotra, mpanampy ny mpivarotra, iraky ny mpivarotra.

COMMISÉRATION, *sf.* Fangorahampó, fitseram-pó. Comme COMPASSION.

COMMISSAIRE, *sm.* 1° Iraky ny fanjakana, mpanao raharaham-panjakana. — priseur. *Iraky ny fanjakana*, etc., mampanao lavanty. 2° —, Polisy, lehiben' ny polisy.

COMMISSARIAT, *sm.* Raharahan' ny *commissaire;* trano fanaovan' ny *commissaire* raharaha.

COMMISSION, *sf.* 1° Hafatra, fanirahana, fanatarana hividy zavatra. Un tel vous fait ses compliments, il m'a chargé de cette —. Mampamangy anao, hono, ranona, izany no *hafatra* nataony tamiko. Bien faire une —. Tsy mitelin-*hafatra*. Il est allé faire une —. Lasa nitondra *hafatra* izy, *nirahina* izy. On lui envoie des commissions et point d'argent. *Hafarana hividy zavatra* izy, kandrefa tsy ampitondraim-bola. 2° —, Olona maromaro voafidy handinika raharaha. 3° —, Karaman' ny masoivoho.

COMMISSIONNAIRE, *sm.* Faniraka, mpitondra hafatra, mpividy ho an'olona, masoivoho.

COMMODE, *adj.* Tsara, mora arahina, morabe, morainy, mora hatonina. Appartement—. Efi-trano *tsara*. Religion —. Fivavahana *mora arahina*. C'est un homme —. Olona *morabe, morainy, mora hatonina* izy.

COMMODE, *sf.* Lalcmoara misy vata sarihana.

COMMODÉMENT, *adv.* Tsara, mora.

COMMODITÉ, *sf.* 1° Haisarana, fiainana, hamorana. C'est un navire pourvu de toutes les commodités. *Tsara* ipetrahana io sambo io. Il jouit de toutes les commodités de la vie. *Miadana* amy ny zavatra rehetra izy. Il a tout à sa — *Mora* manana ny zavatra rehetra izy. 2°—, *pl.* Trano kely, garaba.

COMMOTION, *sf.* 1° Hovotrovotra, hozongozona, fipararetra, fiantsambotra. La — du tremblement de terre a été très violente. Maïy dia maïy ny *fihovotrovotra, fihozongozona, fipararetry* ny horohoron-tany. —du corps. *Fiantsambotry* ny vatana. 2° *fig.* Fahatairana, fikorontanana. Cette nouvelle causa une grande—parmi le peuple. *Nahataitra, nampikorontana* ny vahoaka izany zavabaovao izany.

COMMUABLE, *adj.* Azo ovana.

COMMUER, *va.* Manova, mampihena. —une peine. *Manova,* etc., fanamelohana.

COMMUN, UNE, *adj.* 1° Iombonana, iraisana, mifaninona. La lumière est commune à tout le monde. *Iombonan'* ny olon-drehetra ny fahazavana. Passage—. Lálana *iombonana.* Ils agissent d'un commun accord. *Miray* hevitra amin' izay ataony izy ireo. Qu'y a-t-il de— entre vous et nous ? *Mifaninona* izahay sy hianao? 2°—, Any ny be sy ny maro, any ny ankabiazany, fanao, fahita matetika. Veillez à l'intérêt —. Tandremo izay mahasoa *ny be sy ny maro, ny ankabiazany.* C'est l'opinion commune. Hevitry *ny be sy ny maro, ny ankabiazany* izany. Cela est — parmi les militaires. *Fanao, fahita matetika* amy ny miaramila izany. 3° —, Betsaka. Les fruits sont communs cette année. *Betsaka* ny voankazo taona ito. 4°—. Tsotra, antonintoniny. Langage—. Fiteny *tsotra* Nourriture commune. Hanina *tsotra.* C'est un orateur—. Mpandaha-teny *tsotsotra,* etc., izy.

COMMUN, *sm.* Ny be sy ny maro, ny ankabiazany, ny ankapobem-bahoaka. Le — des hommes pense ainsi. Tahaka izany no fihevitry *ny be sy ny maro, ny ankabiazany.* C'est un homme du—. Anisan' ny *ankapobem-bahoaka* izy.

En commun, *loc. adv.* Am-piarahana, am-piombonana, am-piraisana. Travailler en—. *Miara*-miasa. Vivre en—. *Miara*-mitoetra, *miray* trano. Les premiers chrétiens mettaient leurs biens en —. *Niombonan'* ny kristiana voalohany ny fananany rehetra.

COMMUNAL, ALE, *adj.* Momba ny *commune.*

COMMUNAUTÉ, *sf.* 1° Relijiozy iray trano. 2°—, Fiombonana. Il y a — de biens entre eux. *Miombom*-pananana izy ireo.

COMMUNE, *sf.* Fizaran-tany, fokon' olona.

COMMUNÉMENT, *adv.* Matetika, saika mandrakariva. Comme ORDINAIREMENT, GÉNÉRALEMENT.

COMMUNIANT, ANTE, *s.* Mpanao komonio.

COMMUNICABLE, *adj.* Azo afindra. La science est—. *Azo afindra* ny fahaizana.

COMMUNICATIF, IVE, *adj.* 1° Mora mifindra. Le rire est—. *Mora mifindra* ny hehy. 2°—, Mora mamboraka ny ao am-pó, tsy manana am-pó. C'est un homme—. Olona *mora mamboraka ny ao am-pony,* etc., izy.

COMMUNICATION, *sf.* 1° Fifindrana, famindrana. — du mouvement. *Fifindran'* ny fihetsehana. 2° —, Fanambarána, fampandrenesana, fandrenesana, fanehoana, fahitana. Je lui ai donné — de votre projet. *Nambarako, nampandrenesiko* azy ny fikasanao. Je lui ai donné — de votre lettre. *Nasehoko,* azy ny taratasinao. J'en ai reçu —. *Efa reko, hitako* izany. 3° —, Fifanatonana, fifamangiana, fifampitondran-javatra. Je ne puis avoir aucune — avec le prisonnier. Tsy azoko *hatonina, vangiana* akory, *ampitondraina na inona na inona* ilay ao an-tranomaizina. 4° —, Lálana mampitohy. Il n'y a pas de — entre les deux appartements. Tsy misy *lálana mampitohy* ny efi-trano roa.

COMMUNIER, *vn.* Manao komonio. —, *va.* Manome komonio.

COMMUNION, *sf.* 1° Komonio. 2° — Fiombonana, firaisam-pinoana. La— des Saints. Ny *fiombonan'* ny Olo-masina. Il est en — avec l'Église. *Miray finoana* amy ny Eglizy izy.

COMMUNIQUER, *va.* 1° Mamindra. Le soleil communique sa chaleur à la terre. Ny masoandro *mamindra* ny hafanany amy ny tany. Il sait—sa science. Mahay *mamindra* ny fahaizany izy. 2° —, Manambara, mampandre, maneho. — un secret. *Manambara* tsy ambara telo.

—, *vn.* 1° Manatona, mamangy, mampitondra. Je ne puis — avec lui. Tsy mahazo *manatona, mamangy* azy, *mampitondra na inona na inona* aminy aho. 2° —, Misy lálana mampitohy, mankany. L'emplacement communique au jardin. *Misy lálana mampitohy* ny tokotany sy ny zariday. Ce canal communique au fleuve. *Mankany* amy ny ony io lakan-drano io.

Se communiquer, *vpr.* 1° Mifindra. La maladie se communique. *Mifindra* ny aretina. 2° —, Manambara ny ao am-po, mamboraka —. Il se communique à ses amis. *Manambara ny ao am-pony,* etc., amy ny sakaizany izy.

COMMUNISME, *sm.* Fampianaran' izay ta-hampiombom-pananana ny olondrehetra.

COMMUNISTE, *sm.* Olona tia *communisme.*

COMMUTATIF, IVE, *adj.* Misy fifanakalozana mifandanja. Contrat —. Fanekena *misy fifanakalozana mifandanja.*

COMMUTATION, *sf.* Fanovana, fampihenana. Il y a eu pour lui — de peine. *Novana, nahena* ny fanamelohana azy.

COMPACT, ACTE, *adj.* Mifatratra, rendrika. Terre compacte. Tany *mifatratra.* Métal —. Metaly *rendrika.*

COMPAGNE, *sf.* 1° Namana, vady. Cette fille ne veut pas aller à l'école sans —. Tsy mety mankany an-trano fianarana io zazavavy io raha tsy mana-*namana.* Se choisir une —. Mifidy *namana,* etc. 2° *fig.* Momba, tsy misaraka, vadinkoditra. Les infirmites sont les compagnes de la vieillesse. *Momba* ny fahanterana, *tsy misaraka* amy ny fahanterana, *vadin-koditry* ny antitra ny areti-madinika.

COMPAGNIE, *sf.* 1° Fivoriana, fiarahana, namana. Parler devant une nombreuse —. Miteny eo anatrehan' ny *fivoriandehibe.* Il n'aime pas à être en —. Tsy te-*hiaraka* amin' olona izy. Les mauvaises compagnies l'ont perdu. Simban' ny *naman*-dratsy izy. 2° —, Fikambanana, kompany. —de religieux. *Fikambanan'* ny relijiozy. — de commerce. *Kompany.* 3° —, Antokon' ny miaramila fehezin' ny kapiteny.

COMPAGNON, *sm.* Namana.

COMPARABLE, *adj.* Azo ampitahaina, — ampitovina, — oharina.

COMPARAISON, *sf.* Fampitahana, ohatra, fanoharana. Faire la — de deux étoffes. *Mampitaha* lamba roa. Je ferai une — pour vous faire comprendre cela. Hasiako *ohatra, fanoharana* hahalantaranao izany.

En comparaison *de.... loc. prép.* Raha ampitahaina, — oharina. Vos malheurs ne sont rien en — des miens. Tsinontsinona ny fahorianao *raha ampitahaina,* etc., amy ny ahy.

Sans comparaison, *loc. adv.* Tsy azo ampitahaina, — ampitovina, — oharina. Il est, sans —, le plus savant. *Tsy* misy olo-mahay *azo ampitahaina,* etc., aminy.

COMPARAÎTRE, *vn.* Manatrika ny mpitsara, miseho amy ny mpitsara.

COMPARATIF, IVE, *adj.* Mampitaha, ampitahana. Adjectif —. Adjektifa *mampitaha.* Voici le tableau — des richesses des diverses nations. Indro ny rejistra *fampitahana* ny haren' ny fanjakana samihafa.

—, *sm.* Adjektifa mampitaha.

COMPARATIVEMENT, *adj.* Raha ampitahaina, —oharina.

COMPARER, *va.* Mampitaha, mampitovy manohatra. —deux hommes. *Mampitaha* olona roa. Il n'y a point d'église qu'on puisse — à celle-là. Tsy misy trano fiangonana azo *ampitovina* amin' io. A quoi le comparerai-je? Amin' inona no *hanoharako* azy? Je le comparerai à un lion. Ny liona no *hanoharako* azy.

Se comparer, *vpr.* 1° Mampitaha tena, mampitovy tena, manoha-tena. 2° —, Ampitahaina, ampitovina, oharina.

COMPARTIMENT, *sm.* Efitra, efitrefitra. Qui a plusieurs compartiments. *Miefitrefitra.* Plafond à compartiments. Vaun-drihana *miefitrefitra.* Armoire à compartiments. Lalomoara *miefitrefitra.* — d'un vagon. *Efitra* amy ny kalesin' ny lalam-by.

COMPARUTION, *sf.* Fanatrehana ny mpitsara, fisehoana amy ny mpitsara. Il a fait acte de —. *Nanatrika* ny *mpitsara, niseho* tamy ny *mpitsara izy.*

COMPAS, *sm.* Kompà, kopay.

COMPASSÉ, ÉE, *adj.* Milahatra, milamina.

COMPASSER, *va.* 1° Manakompà, manakopay. 2° *fig.* Mandahatra, mandamina. —ses phrases. *Mandahatra,* etc., ny fehezan-teniny.

COMPASSION, *sf.* Fangoraham-pó, fiteeram-pó. Votre pauvreté excite ma

—. *Mampangoraka, mampitsetra* ny foko ny fahantranao.

COMPATIBILITÉ, *sf*. Fifanarahana, fikambanana, fiarahana.

COMPATIBLE, *adj*. Mahazo mifanaraka, azo ampifanarahina, —akambana, —ampiarahina. Voy. INCOMPATIBLE.

COMPATIR, *vn*. 1° Mangoraka, mangora-pó, mitsetra, mitse-pó. Il compatit aux misères d'autrui. *Mangoraka*, etc., amy ny fahorian' olona izy. 2°—, Mandefitra. Il compatit aux faiblesses humaines. *Mandefitra* ny halisoan' ny olona izy. 3°—, Mifanaraka, mikambana, miaraka. Ces deux individus ne peuvent—. Tsy mahazo *mifanaraka*, etc., izy roa lahy.

COMPATISSANT, ANTE, *adj*. Mangoraka, mitsetra. Cœur—. Fo *mangoraka*, etc.

COMPATRIOTE, *s*. Mpiray tanin-drazana. C'est mon—. *Miray tanin-drazana* amiko izy.

COMPENSATION, *sf*. Onitra, fanonerana, fanefana, fanoloana.

COMPENSER, *va*. Manonitra, manefa, manolo. Il a compensé sa dette par son travail. *Nanonitra*, etc., ny trosany tamy ny asa nataony izy. Mes bénéfices compensent mes pertes. Ny tombombarotra azoko *manonitra* ny fatiantoko.

Se compenser, *vpr*. Mifanonitra, mifameno ; onerana, efaina, soloana.

COMPÈRE, *sm*. Mpanampy an-tsokosoko. Cet escamoteur a des compères. Manana *mpanampy an-tsokosoko* io kinga tánana io. 2° *fig*. Olom-petsy.

COMPÉTENCE, *sf*. 1° Fahefana. 2°—, Fahaizana.

COMPÉTENT, ENTE, *adj*. 1° Manam-pahefana. Adressez-vous aux juges compétents. Mamantána hianao any amy ný mpitsara *manam pahefana*. 2°—, Mahay. Personne n'est plus compétent que lui pour le calcul. Tsy misy *mahay* tahaka azy raha ny marika.

COMPÉTITEUR, *sm*. Mpifaninana mitady raharaha anankiray.

COMPÉTITION, *sf*. Fifaninanana hitady raharaha anankiray.

COMPILATEUR, *sm*. Mpanangon-teny.

COMPILATION, *sf*. 1° Fanangonan-teny. 2°—, Teny voangona.

COMPILER, *va*. Manangon-teny.

COMPLAINTE, *sf*. 1° Kalokalo. 2°—, *pl*. Fitarainana, kalonantitra. Il répète les mêmes complaintes. Mamerimberina ny *fitarainany*, manao *kalonantitra* izy.

COMPLAIRE, *vn*. Mahafaly, mamalifaly. Il cherche à vous—. Mitady izay *mahafaly*, etc., anao izy.

Se complaire, *vpr*. Faly.

COMPLAISAMMENT, *adv*. Amim-pankasitrahana, amin-kafaliana, amin-kalemem-panahy. Écouter —. Mihaino *amim-pankasitrahana*, etc.

COMPLAISANCE, *sf*. Fankasitrahana, hafaliana, halemem-panahy. Ayez la — de me prêter votre couteau. Raha *sitrakao*, mba ampindramo antsy aho. C'est mon fils bien-aimé en qui j'ai mis toutes mes complaisances. Io no zanako malalako izay *ankasitrahako* indrindra. Il n'a de — pour personne. Tsy mampiseho *halemem-panahy* na amin'iza na amin' iza izy.

COMPLAISANT, ANTE, *adj*. Mahafaly, mamalifaly, malemy fanahy.

COMPLÉMENT, *sm*. 1° Fameno. Voici dix piastres comme — de la somme que je vous devais. Intý ariary folo *ho famenon'* ny volanao taty amiko. 2°—, Famenon-teny. Voy. RÉGIME.

COMPLÉMENTAIRE, *adj*. Mameno.

COMPLET, ÈTE, *adj*. 1° Feno, tapitra. L'année sera complète demain. Ho *feno*, etc., rahampitso ny taona. 2°—, Tanteraka, lávorary. La victoire est complète. *Tanteraka*, etc., ny fandresena.

—, *sm*. Feno, ampy. Les employés sont au—. *Feno*, etc., ny mpanao raharaha.

COMPLÈTEMENT, *adv*. Indrindra, dia. Il a — réussi. Nahomby *indrindra*, nahomby *dia* nahomby izy. Il est — fou. Adala *dia* adala izy.

COMPLÉTER, *va* 1° Mameno. — le paiement d'une dette. *Mameno* ny volan' olona. 2° —, Mandavorary, indrindra. Cette nouvelle perte a complété sa ruine. Izany fatiantoka vaovao izany no nahalevona ny hareny *indrindra*.

Se compléter, *vpr*. Mihafeno, miampy. Ma bibliothèque se complète. *Miampy* ný bokiko.

COMPLEXE, *adj*. Maro loha. Idée —. Hevitra *maro loha*.

COMPLEXION, *sf*. Toe-batana, toetry ny tena. Il est d'une faible —. Malemilemy ny *toe-batany*. Il a une forte —. Matanjaka ny *toetry ny tenany*.

COMPLICATION, *sf*. 1° Fifangaroana, fisafotofotoana, fisaritahana. Les complications des maladies les rendent diffici-

les à guérir. Ny *fifangaroan'* ny aretina tonga mahasarotra azy hositranina. Cette affaire offre des complications. *Mifangaroharo, misafotofoto, misaritaka* izany raharaha izany. 2° —, Hamaroam-pomba. C'est une machine d'une grande —. Milina *maro fomba* izany.

COMPLICE, *s.* et *adj.* Mpiray tetika.

COMPLICITÉ, *sf.* Firaisan-tetika.

COMPLIMENT, *sm.* 1° Fiderana, dera, fankalazana. Il aime les compliments. Te-*ho deraina, hankalazaina,* tia *dera* izy. 2° —, Teny fiderana, — fankalazana. Voici le — que j'ai fait pour la fête de mon père. Ireto no *teny fiderana, fankalazana* namboariko hatao amy ny fetin' ny raiko. 3° —, Fampamangiana, fanaovana veloma. Mon frère vous envoie mille compliments *Mampamangy* anao indrindra indrindra, *manao veloma* madinidinika anao ny rahalahiko.

COMPLIMENTER, *va* 1° Midera, mankalaza. 2°—, Miarahaba. Il est allé — le Gouverneur. Lasa *niarahaba* ny Governora izy.

COMPLIMENTEUR, EUSE, *s.* Mpidera loatra, mpankalaza—.

COMPLIQUÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Miharo, mifangaroharo, misafotofoto, misaritaka. C'est une fièvre compliquée de dyssenterie. Tazo *miharo* fivalanan-dra izany C'est une affaire compliquée. *Mifangaroharo, misafotofoto, misaritaka* izany raharaha izany. 2°—, Maro fomba. C'est une machine compliquée. Milina *maro fomba* izany.

COMPLIQUER, *va.* 1° Mampifangaro, manasafotofoto, manasaritaka. — une affaire. *Mampifangaroharo*, etc., raharaha. 2°—, Manamaro fomba —une machine. *Manamaro fomba* ny milina.

Se compliquer, *vpr.* Miharo. mifangaroharo, misafotofoto, misaritaka.

COMPLOT, *sm.* Teti-dratsy, teti-be, fifokoana.

COMPLOTER, *va.* et *n.* Manao teti-dratsy, — teti-be, miray tetika, mikaondoha. mifoko.

COMPONCTION, *sf.* Fangoraham-po noho ny ota natao.

COMPORTER, *va.* Mifanaraka. Le sujet ne comporte pas tant d'ornements. Ny foto-teny tsy *mifanaraka* amin' izany renty be izany.

Se comporter, *vpr* Mitondra tena, manao toetra. Il se comporte bien. *Mitondra tena* tsara izy. **Se — en enfant.** *Manao toe*-jaza, —fanahin-jaza. Se — en roi. *Manao toetr'* andriana. Se — en femme. *Manao toe*-bavy. Ce jeune homme se comporte en homme sérieux. *Manao toetr'* olon-dehibe io tovolahy io.

COMPOSÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Misy zavatra naharo. C'est un remède—de trois substances. Fanafody *misy zavatra* telo loha *naharo* izany. 2°—, Misy, maro loha. L'homme est — d'un corps et d'une âme. *Misy* vatana sy fanahy ny olona. L'âme n'est pas composée de parties. Tsy *misy* zavatra maro ny fanahy. Être —. Zavatra *maro loha*. 3°—, Maotona, milamina. Son visage est—. *Maotona* ny tarehiny. Il a une démarche composée. *Milamina* ny fandehany. 4°—, Natao, voaforona, noforonina. Son discours est bien—. *Nataony,* etc., tsara ny laha-teniny.

—, *sm.* 1° Zavatra miharo. 2°—, Zavatra maro loha.

COMPOSER, *va.* 1° Mangaro, mampifangaro. —un remède avec trois ingrédients. *Mangaro*, etc., zavatra telo loha atao fanafody. Voy. Mêler. 2°—, Misy. Cinq pièces composent cette machine. *Misy* zavatra dimy loha amin' izany milina izany. 3°—, Mahamaotona, mandamina. Il compose sa démarche en présence des grands. *Mandamina* ny fandehany eo anatrehan' ny lehibe izy. 4° —, Manao, mamorona. —une histoire. *Manao* tantara. —un ouvrage. *Mamorom* boky. 5°—, Mandaha-dohavy.

—, *vn.* 1° Mifaninana, mampiady. —en écriture. *Mifaninana* amy ny soratra, *mampiady* soratra. 2°—, Manao izay hifanarahana. — avec des créanciers. *Manao izay hifanarahana* amy ny tompon-trosa.

Se composer, *vpr.* 1° Misy zavatra miharo. 2°—, Misy. 3°—, Maka toetra maotona.

COMPOSITEUR, *sm.* 1° Mpamoronkira. 2° —, Mpandaha-dohavy.

COMPOSITION, *sf.* 1° Fangaroana, fiharoana. 2°—, Toe-javatra. La — de notre corps est admirable. Mahagaga ny *toetry* ny vatantsika. 3° —, Fanaovana, famoronana. 4° —. Fandaharan-dohavy. 5° —, Fifaninanana, fampiadiana Il a été le premier en —. Izy no voalohany tamy ny *fifaninanana,* etc. 6° —, Fifanarahana. C'est une personne de bonne —. Mora *ifanarahana* izy.

COMPOTE, *sf.* Voankazo nandrahoina tamy ny siramamy

COMPRÉHENSIBLE, *adj.* Azo fantarina, takatry ny saina.

COMPRÉHENSION, *sf.* Fahafantarana, fahalalana.

COMPRENDRE, *va.* 1° Misy. L'Europe comprend plusieurs grands royaumes. *Misy* fanjakana lehibe maro any Eoropa. 2° —, Manao anisa. On le comprit parmi les accusés. *Natao anisan'* ny voampanga izy. 3° *fig.* Mahafantatra, mahalála, mahazo, mahatakatra hevitra. Je comprends son langage. *Fantatro, azoko* ny fiteniny. Il comprend ses devoirs. *Mahafantatra. mahalala* izay tsy maintsy ataony izy. Je ne comprends pas sa conduite. Tsy *azoazoko* ny ata ny. Je vous comprends. *Takatro* ny *hevitrao.*

Se comprendre, *vpr.* 1° Mifankahazo. 2° —, Fantatra.

COMPRESSE, *sf.* Fehim-pery, bandy.

COMPRESSIBLE, *adj.* Azo terena.

COMPRESSIF, IVE, *adj.* Manery. Ceinture compressive. Etra *manery.*

COMPRESSION, *sf.* Fanerena.

COMPRIMÉ, ÉE, *adj.* Fisapisaka. Le corps de ce poisson est —. *Fisapisaka* ny vatan'io hazandrano io.

COMPRIMER, *va.* 1° Manery. 2° *fig.* Misakana. — une faction. *Misakana* ny firaisan-tetika.

Se comprimer, *vpr.* 1° Terena. L'air peut se —. Azo *terena* ny rivotra. 2° *fig.* Sakanana.

COMPRIS, ISE, *p.* et *adj.* 1° Misy. 2° —, Anisa. 3° *fig.* Fantatra, azo. || *loc.* Y compris. Ombany, mbamy. Ils sont tous arrivés y— leurs enfants. Tonga dabolo izy ireo *ombany,* etc., ny zanany. Non compris. Afa-tsy. Ils étaient quatre mille, non — les femmes et les enfants. Efatra arivo izy ireo *afa-tsy* ny zaza amam-behivavy.

COMPROMETTANT, ANTE, *adj.* Mila hanahirana, — hampahita loza, — hanala baraka.

COMPROMETTRE, *va.* Manahirana, mila hanahirana, — hampidi-doza, — hanala baraka, etc. Je ne vous compromettrai pas. Tsy *hanahirana* anao aho. Il compromet sa fortune. *Mila hampidi-doza* ny hareny izy. Ces bruits compromettent sa réputation. *Mila hanala baraka* azy izany tsaho izany.

Se compromettre, *vpr.* Mila ho sahirana, — hahita loza, — hanala bara-tena.

COMPROMIS, ISE, *adj.* Mila ho sahirana. — hahita loza. — hanala bara-tena.

COMPROMIS, *sm.* Fifanarahana haka mpanelanelana. Passer un —. *Mifanaraka haka mpanelanelana.*

COMPTABILITÉ, *sf.* Fanoratana ny miditra sy ny mivoaka, fahaizana ny momba ny kaonty.

COMPTABLE, *adj.* et *sm.* Mpanoratra ny miditra sy ny mivoaka, mpanao kaonty.

COMPTANT, *adj.* et *sm.* Tolo-botsotra, tolo-bonona, tolo-tanana. Payer argent — *ou* au—. Manao *tolo-botsotra,* etc.

COMPTE, *sm.* 1° Fanisana. Faites le — de votre argent. *Isao* ny volanao. 2°—, Fanoratana ny miditra sy ny mivoaka, taratasy filazana trosa, kaonty. Livre de —. Boky *fanoratana ny miditra sy ny mivoaka.* Mettez en—ce que je vous ai acheté. *Soraty* izay novidiko taminao. Donnez-moi mon—. Omeo ahy ny *taratasy milaza ny trosanao* amiko. Le —est exact. Marina ny *kaonty.* || *loc.* J'ai acheté ce bœuf à bon—. Mora no nividianako io omby io. Il fait le commerce pour son—. Mivarotra ho azy izy. Je ne trouve pas mon — dans ce commerce. Tsy mahazo tombony amin' izany varotra izany aho. De — à demi. Isasahan-tombony. Il travaille de — à demi. Manao *hisasahan-tombony* izy. 3° *fig.* Anjara, raharaha, ny momba, ny amy... Voici ce que je donne pour mon—. Ity ny homeko ho *anjarako.* Je prends cela sur mon—. *Raharahako* izany. Nous étions fort inquiets sur son—. Nahabe ahiahy anay ny *momba* azy Il n'y a rien à dire sur le — de cette personne. Tsy azo tsinina *ny amin'* io olona io. 4°—, Fanisana, fanisiana, raharaha, fanaovana ho..... Dieu nous tiendra — des moindres actes de charité. *Hisain'* Andriamanitra avokoa na dia ny asam-pitiavana madinika indrindra ataontsika aza. Il ne tient aucun — de ce qu'on lui dit. *Tsy asiany raharaha, ataony ho* tsinontsinona, tsy jabany akory izay lazaina aminy. 2° —, Filazana, fanambarána, famoahana. Je vous rendrai — de cette affaire. *Holazaiko, hambarako* anao izany raharaha izany. Rendez — de votre conduite. *Lazao, ambarao, aroahy* ny nataonao. Demander —. *Mampamoaka,* manadina, manontany.

A ce compte-là, *loc. adv.* Araka izany.

Au bout du compte, *loc. adv.* Amy ny farany.

COMPTER, *va.* 1° Manisa. Comptez les brebis. *Isao* ny ondrivavy. 2° —, Manao anisa. Il vous compte parmi ses amis. *Ataony isan'* ny sakaizany hianao. ‖ *loc.* En comptant. Ombany, mbamy. Comme Y COMPRIS. Sans —. Afa-tsy. Comme NON COMPRIS. Voy. COMPRIS. 3° *fig.* Manisa, manisy raharaha, manao ho, mihevitra ho. — ses pas. *Manisa* dia. Je compte pour beaucoup vos lettres. *Ataoko ho* zavatra lehibe ny taratasy nampitondrainao tamiko. Il compte pour rien la souffrance. *Ataony, heveriny ho* tsinontsinona ny fahoriana.

—, *vn.* 1° Manisa. 2° —, Anisa. Il compte parmi les écrivains. *Anisan'* ny mpamorom-boky izy. 3° *fig.* Atao ho...., heverina ho..... Il ne compte pour rien. *Atao, heverina ho* tsinontsinona izy. 4° —, Manantena, mihevitra, miankina, miantehitra. Il compte partir demain. *Manantena, mihevitra* handeha izy rahampitso. Il compte sur vous pour avoir un emploi, Hianao no *iankinany, ianteherany* hahazahoany raharaha. ‖ *loc.* A — de. Hatramy. A — de demain, vous ne sortirez plus. *Hatramy* ny rahampitso dia tsy hivoaka intsony hianao.

Se compter, *vpr.* 1° Isaina. 2°—, Manao ny tenany anisa. 3° *fig.* Manao ny tenany ho. Il se compte pour rien. *Manao ny tenany ho* tsinontsinona izy.

COMPTE RENDU, *sm.* 1° Filazana. — de l'état des finances. *Filazana* ny toetry ny volam-panjakana. 2°—, Ventin-teny, fotopototra. —d'un discours. *Ventin-teny*, etc., ny laha-teny.

COMPTOIR, *sm.* 1° Latabatra lava fametraham-barotra. 2°—, Trano fivarotana amy ny tany lavitra. Etablir un — dans l'Inde. Manorina *trano fivarotana* any India.

COMPULSER, *va.* Mandinika taratasy.

COMTE, *sm.* Andriana tompom-bodivona manarakaraka ny *marquis*.

COMTESSE, *sf.* Andriambavy tompom-bodivona manarakaraka ny *marquise*; vadin' ny *comte*.

COMTÉ, *sm.* Vodivonan' ny *comte* na ny *comtesse*.

CONCASSER, *va.* Mikosoka, mitoto. — du poivre. *Mikosoka*, etc., dipoavatra.

CONCAVE, *adj.* Lempena aty, lesoka —, kaoka—. Miroir—. Fitaratra *lempona aty*, etc.

CONCAVITÉ, *sf.* Halempona, halemponana.

CONCÉDER, *va.* Manome, mahafoy.

CONCENTRATION, *sf.* Famoriana, fanangonana.

CONCENTRÉ, ÉE, *adj.* Miafina, manafin-kevitra. Douleur concentrée. Alahelo *miafina*. Être—en soi-même. *Manafin-kevitra.*

CONCENTRER, *va.* 1° Mamory, manangona, mamory amy ny fitoerana anankiray. —les rayons solaires. *Mamory, manangona* ny tsiri-masoandro. —des troupes. *Mamory* miaramila *amy ny fitoerana anankiray.* 2° *fig.* Mandraikitra, mitana. —son attention sur un point. *Mandraikitra* ny sainy amy ny zavatra iray. Il concentre dans ses mains toute l'autorité. *Mitana* ao am-pelatanany ny fahefana rehetra izy. 3°—, Manafina. —sa colère. *Manafina* ny hatezerany.

Se concentrer, *vpr.* 1° Mivory, miangona, mivory amy ny fitoerana iray. 2° *fig.* Miraikitra, tánana. 3°—, Manafin-kevitra.

CONCEPTION, *sf.* 1° Fananana anaka. 2° *fig.* Fahalalana, fahafantarana, fisainana. Il a la — prompte. Malaky *mahalala, mahafantatra* izy, haingan-*tsaina* izy. 3°—, Hevitra, zavatra foronin' ny saina, famoronana. Admirable—. *Hevitra* mahagaga, *zavatra* mahagaga *foronin' ny saina.* La — de cet ouvrage annonce une grande force de tête. Mampiseho halalinan-tsaina lehibe ny *famoronana* io boky io.

CONCERNANT, *prép.* Momba, amy ny. Je vous dirai quelque chose — cette affaire. Hilaza aminao ny zavatra sasany *momba* izany raharaha izany, ny *amin'* izany raharaha izany aho.

CONCERNER, *va.* Raharaha, momba, amy ny.... Ça ne me concerne en rien. Tsy *raharahako* tsy akory izany. Dites-moi ce qui concerne cette affaire. Lazao ahy izay *momba* izany raharaha izany, ny *amin'* izany raharaha izany.

CONCERT, *sm.* 1° Konsertra. 2° *fig.* Fiarahana, firaisana. Ils firent entendre en son honneur un — de louanges. *Niara-nidera* azy izy ireo.

De concert, *loc. adv.* Am-piarahana, am-piraisana. Agir de—. *Miray* hina.

CONCERTER, *va.* Miara-mandinika.

—les mesures à prendre. *Miara-mandinika* izay tokony hatao.

Se concerter, *vpr.* Midinika, miara-midinika.

CONCESSION, *sf,* 1° Fanomezana avy amy ny fanjakana, fahafoizana—. Il a obtenu une — de terrain. *Nomen'* ny *fanjakana* tany izy, *nahafoy* tany ho azy ny *fanjakana.* 2° *fig.* Fanekena. Il a fait des concessions à son adversaire. *Nekeny* ny zavatra sasany nolazain' ny mpanohitra azy.

CONCEVABLE, *adj.* Azo fantarina.

CONCEVOIR, *va.* 1° Manana anaka, mitoe-jaza, torontoronina. Elle était déjà âgée lorsqu'elle conçut son premier enfant. Efa zokinjokiny hiany izy vao *nanana, nitoe-jaza, notorontoronina* ny zanany voalohany. 2° *fig.* Mamorona, man..., mi.... Ils conçurent le projet de le tuer. *Namoron*-kevitra mba hamono azy izy ireo. — de l'espérance. *Manantena.* — de la jalousie. *Mialona.* 3° —, Mahalala, mahafantatra. Je ne conçois rien à cette affaire. Tsy *mahalala,* etc., na inona na inona amin'izany raharaha izany aho.

Se concevoir, *vpr.* Fantatra.

CONCIERGE, *sm.* Mpiandry vavahady, — varavarana.

CONCILE, *sm.* Fivorian' ny eveka, konsily. — œcuménique. *Fivorian' ny eveka* rehetra.

CONCILIABLE, *adj.* Azo ampifanarahina.

CONCILIABULE, *sm.* 1° Fivoriana sandoka ataon' ny eveka sasany. 2° —, Fivoriana an-tsokosoko.

CONCILIANT, ANTE, *adj.* Mahay mampihavana, — mampifanaraka.

CONCILIATEUR, *sm.* Mpampihavana, mpampifanaraka.

CONCILIATION, *sf.* Fampihavanana, fihavanana, fampifanarahana, fifanarahana.

CONCILIER, *va.* 1° Mampihavana, mampifanaraka. — les esprits. *Mampihavana,* etc., olona. — plusieurs opinions. *Mampifanaraka* hevitr'olona samihafa. 2° —, Mampahazo. Il lui concilia la faveur du prince. *Nampahazo* fitia azy tamy ny mpanjaka izy.

Se concilier, *vpr.* 1° Mihavana, mifanaraka. 2° —, Mahazo. Il s'est concilié tous les cœurs. *Nahazo* ny fon' ny olon-drehetra izy.

CONCIS, ISE, *adj.* Fohy sady feno hevitra, fohy teny sady feno hevitra. Style —. Laha-teny *fohy sady feno hevitra.* Auteur —. Mpamorom-boky *fohy teny sady feno hevitra.*

CONCISION, *sf.* Hafohezan-teny.

CONCITOYEN, ENNE, *s.* Iray tanána, iray tanin-drazana.

CONCLAVE, *sm.* Fivorian' ny kardinaly mifidy papa.

CONCLUANT, ANTE, *adj.* Mampiharihary, manamarina.

CONCLURE, *va.* 1° Manapitra, mamita, mahavita, mamarana, manapaka, manao fehin-teny, milaza fara-hevitra, — fara-teny. Concluez vite cette affaire. *Tapero, vitao, farano, tapaho* haingana izany raharaha izany. Il conclut son discours. *Mamarana* ny laha-teniny, *manao fehin-teny, milaza* ny *fara-heviny,* — ny *fara-teniny* amy ny laha-teniny izy. 2° —, Maka hevitra, mampiharihary, manaporofo, manamarina. Que concluez-vous de cela ? Inona no *hevitra alainao* amin' izany ? Je conclus de là que vous mentez. Izany no *mampiharihary, manaporofo, manamarina* amiko fa mandainga hianao.

—, *vn.* Mamarana, manao fehin-teny, milaza fara-hevitra, — fara-teny. Ils conclurent à une amende. Ny *fara-hevitra, fara-tenin'* izy ireo dia ny hanazy azy.

Se conclure, *vpr.* 1° Efa ho tapitra, efa ho vita, faranana, efa ho tapaka. La paix se conclut. *Efa ho vita, faranana, efa ho tapaka* ny fanekem-pihavanana. 2° —, Porofoina, hamarinina. Le vrai se conclut souvent du faux. Matetika ny marina no *porofoin',* etc., ny hevi-diso.

CONCLUSION, *sf.* 1° Fanaperana, famitana, fahavitana, famaranana, fanapahana, fehin-teny, fara-hevitra, fara-teny. La — est digne de l'exorde. Mifanaraka amy ny sasin-teny ny *famaranana.* 2°—, Hevitra alaina. Quelle — tirez-vous de là ? Inona no *hevitra alainao* amin' izany ?

CONCOMBRE, *sm.* Voantangom-bazaha.

CONCOMITANCE, *sf.* Fiarahana.

CONCOMITANT, ANTE, *adj.* Miaraka. Sons concomitants. Feon-javatra *miaraka.*

CONCORDANCE, *sf.* Fifanarahana. — de témoignages. *Fifanarahan'* ny filazan' ny vavolombelona.

CONCORDAT, *sm.* 1° Fanekena ataon' ny papa amy ny fanjakana ananki

ray. 2° —, Fifanarahan' ny mpanao bankeroty amy ny tompon-trosa.

CONCORDE, *sf.* Fifanarahana, fihavanana, firaisam-po, firaisan-kevitra. Ces frères vivent dans une — parfaite. *Mifanaraka, mihavana, miray fo, miray hevitra* tsara izy mirahalahy avy ireo.

CONCORDER, *vn.* 1° Mifanaraka, mihavana, miray fo, miray hevitra. 2° *fig.* Mifanaraka. Leurs témoignages ne concordent pas. Tsy *mifanaraka* ny filazan' izy ireo.

CONCOURIR, *vn.* 1° Miara-manao, manampy. — au bien public. *Miaramanasoa* ny vahoaka. 2° —, Mifaninana, mampiady fahaizana. Il concourt pour le prix de peinture. *Mifaninana* hahazo valisoa amy ny hoso-doko izy.

CONCOURS, *sm.* 1° Fiarahana manao, fanampiana. Il a obtenu cet emploi grâce à votre —. Nahazo izany raharaha izany izy noho ny *nanampianao* azy. 2° —, Fifaninanana, fampiadiana fahaizana. Il a été le premier au —. Voalohany tamy ny *fifaninanana,* tamy ny *fampiadiam-pahaizana* izy. 3° —, Fitripitripika, fanetrinketrina, habetsahana. Il y avait un nombreux — de spectateurs. *Nitripitripika, nanetrinketrina, betsaka* ny mpizaha tao.

CONÇU, UE, *p.* et *adj.* 1° Torontoronina, notorontoronina. 2° *fig.* Voaforona, noforonina, misy. Ouvrage bien —. Boky *voaforona, noforonina* tsara. La lettre était conçue en ces termes. *Nisy* izao teny izao ny taratasy.

CONCUBINAGE, *sm.* Fanaovana tokantranomaso.

CONCUBINAIRE, *sm.* Mpanao tokantranomaso.

CONCUBINE, *sf.* Tokantranomaso, ranitra.

CONCUPISCENCE, *sf.* Filan-dratsy. La — de la chair. Ny *filan-dratsin'* ny nofo.

CONCURREMMENT, *adv.* 1° Ampiarahana. Nous pouvons agir —. Mahazo *miara*-manao isika. 2° —, Amimpifaninanana. Ils briguaient — cette charge. *Nifaninana* nitady izany raharaha izany izy ireo.

CONCURRENCE, *sf.* 1° Fifaninanana. 2° —, Fifaninanan' ny mpivarotra. La — tourne au profit des consommateurs. Ny *fifaninanan' ny mpivarotra* mahasoa ny mpividy.

CONCURRENT, ENTE, *s.* Mpifaninana.

CONCUSSION, *sf.* Fangalarana ny volam-panjakana, fihinanam-bahoaka.

CONCUSSIONNAIRE, *sm.* Mpangalatra ny volam-panjakana, lebibe homambahoaka. Voy. EXACTEUR.

CONDAMNABLE, *adj.* 1° Tokony hohelohina. 2°—, Mendrika hotsinína.

CONDAMNATION, *sf.* Fanamelohana. Il y a eu — contre lui. *Nohelohina* izy. Il subit sa—. Manefa ny *helony* izy.

CONDAMNÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Voaheloka, nohelohina. 2°—, Voatery, noterena, voadidy, nodidiana. 3°—, Voatsiny, notsinina. 4° —, Voavono, novonoina. Porte condamnée. Varavarana *voavono,* etc.

—, s. Olo-meloka.

CONDAMNER, *va.* 1° Manameloka. Les juges le condamnèrent à un exil perpétuel. Ny mpitsara *nanameloka* azy hasesi-tany ambara-pahafatiny. 2°—, Manery, mandidy. On l'a condamné au silence. *Voatery, voadidy* hangina izy. ‖ *loc.*— un malade. Milaza fa tsy azo sitranina ny marary. 3°—, Maniny. Il condamne tout ce que les autres font. *Tsininy* daholo izay rehetra ataon' ny sasany. 4°—, Mamono. —une fenêtre. *Mamono* varavaran-kely.

Se condamner, *vpr.* 1° Miaiky ho diso. Je me condamne moi-même. *Miaiky ho diso* aho. 2°—, Mahafehy tena. Il s'est condamné à un long travail. *Nahafehy tena* mba hiasa ela izy.

CONDENSATION, *sf.* Fampifintinana, fifintinana.

CONDENSER, *va.* 1° Mampifintina. Le froid condense les corps. Ny hatsiaka *mampifintina* ny zavatra. 2° *fig.* — sa pensée. Milaza ny heviny amy ny teny vitsy.

Se condenser, *vpr.* Mifintina.

CONDESCENDANCE, *sf.* Fanekena, fanaranana, fampihantana.

CONDESCENDRE, *vn.* Manaiky, manarana, mampihanta. Je ne puis — à ce que vous demandez. Tsy azoko *ekena* izay angatahinao. —aux fantaisies de ses enfants. *Manarana, mampihanta* ny zanany.

CONDIMENT, *sm.* Zavatra mahatsiro, —mahafy.

CONDISCIPLE, *sm.* Mpiara-mianatra.

CONDITION, *sf.* 1° Toetra. Il est d'une —élevée. Ambony *toetra* izy. Il est de basse—. Ambany *toetra* izy. Chacun doit vivre selon sa—. Samy tokony hanao toe-piainana araka ny *toetrany*. 2° —, Zavatra tsy maintsy hatao, zavatra ao amy ny fanekena, anjoanjon-teny. Vous lui imposez une — bien dure. Mandidy azy *zavatra* anankiray mafy loatra hianao. Deux conditions du traité nous sont désavantageuses. Tsy mahasoa antsika ny *zava*-droa loha *ao amy ny fanekena* nataontsika. Voici la — que je vous pose: je vous vendrai ceci deux piastres seulement si vous me payez demain. Izao no *anjoanjon-teny* ataoko aminao: alaiko aminao ariary roa monja ity zavatra ity raha aloanao rahampitso ny vidiny. Baptiser sous—. Manao batemy manisy *anjoanjon-teny.* ‖ *loc.* Vendre à — de reprendre, acheter à—de pouvoir rendre. Manao varo-mahay mifody, —varo-miera.

À condition que, *loc. conj.* Raha, fa tsy maintsy. Je vous permets d'aller chez vous, à — que vous serez ici demain matin. Avelako handeha ho any aminao hianao *raha,* etc., ho tonga atý rahampitso maraina.

CONDITIONNÉ, ÉE, *adj.* Vita tsara. Étoffe bien conditionnée. Lamba *vita tsara.*

CONDITIONNEL, ELLE, *adj.* Misy anjoanjon-teny.

CONDITIONNELLEMENT, *adv.* Amy ny anjoanjon-teny.

CONDITIONNER, *va.* Mahavita tsara.

CONDOLÉANCE, *sf.* Firaisana alahelo. Je lui ai envoyé une lettre de —. Nampitondra taratasy *firaisana alahelo* taminy aho. ‖ *loc.* Faire une visite de —. Manalady alahelo, mitsapa —. Offrir de l'argent à la famille d'un défunt en lui faisant une visite de —. Manao faodranomaso

CONDUCTEUR, TRICE, *s.* Mpitaridalana, mpanatitra, mpitondra, mpitarika.

—, *adj.* Mitondra. Fil —. Taro-by *mitondra* ny elektrisitý.

CONDUIRE, *va.* 1° Mitari-dálana, manatitra, mitondra, mitarika. Conduisez ce voyageur à travers la forêt. *Tariho lálana* ao anaty ala io vahiny io. Conduisez cet étranger à ma maison. *Tariho lálana, atero, ento* ho ao an-tranoko io vahiny io. — de l'eau au village. *Mitari*-drano ho ao an-tanána. — un cheval, un char. *Mitondra, mitarika* soavaly, sarety. 2° *fig.* Mampahazo, mampiditra, mitondra, mitarika. — à la gloire. *Mampahazo* voninahitra. — quelqu' un à sa perte. *Mampidi*-doza olona. — une armée. *Mitondra, mitari*-tafika. Il a bien conduit cette affaire. *Nitondra* tsara izany raharaha izany izy. Il conduit bien sa famille. *Mitondra* tsara ny fianakaviany izy. 3° —, Mankany. Ce chemin conduit à l'église. *Mankany* an-trano leglizy ity lálana ity.

Se conduire, *vpr.* Mitondra tena, miaina. Il se conduit sagement. Mahay *mitondra tena,* mahay *miaina* izy.

CONDUIT, *sm.* 1° Lakan-drano, tatatra, fantsona madinika. 2°—, Lálana. Les conduits par où la bile se décharge. Ny *lálana* ivoahan' ny ranon' afero.

CONDUITE, *sf.* 1° Fitarihan-dalana, fanaterana, fitondrana, fitarihana. 2°—, Fitondran-tena, toe-piainana. Il mène une bonne—. Tsara *fitondran-tena,* etc., izy.

CÔNE, *sm.* Zavatra boribory kitsoloha.

CONFECTION, *sf.* Fanaovana, fahavitana, famoronana.

CONFECTIONNER, *va.* Manao, mahavita, mamorona. Il a confectionné une machine. *Nanao, nahavita, nahaforona* milina izy. Il confectionne bien les pantalons. *Mahavita* pataloha tsara izy.

CONFECTIONNEUR, EUSE, *s.* Mpanao akanjo.

CONFÉDÉRATION, *sf.* Fitambarana, fiandanian' ny fanjakana maro. La — germanique. Ny fanjakany Germania *mitambatra.*

CONFÉDÉRÉ, ÉE, *adj.* et *s.* Mitambatra, miandany, manao andaniny. Les nations confédérées. Ny fanjakana *mitambatra,* etc.

CONFÉDÉRER (SE), *vpr.* Mitambatra, miandany, manao andaniny.

CONFÉRENCE, *sf.* 1° Dinika. Ils eurent de longues conférences ensemble. Niara-*nidinidinika* ela izy ireo. 2°—, Toriteny, laha-teny. Les conférences du prédicateur sont magnifiques. Tsara loatra ny *toriteny,* etc., nataon' ny mpitory teny. 3°—, Fivoriana. Cette société a tenu hier sa seconde —. *Nivory* fanindroany omaly izany fikambanana izany.

CONFÉRER, *vn.* Miresaka, midinika. J'en conférerai avec le gouverneur. Hi-

resaka, hidinika izany amy ny governora aho.

—, *va.* 1° Manome. —le baptême à quelqu'un. *Manome* batemy olona. 2°—, Mampitaha. —un auteur avec un autre. *Mampitaha* boky anankiray amy ny hafa.

CONFESSE, *sf.* Konfesy, fikonfesena. Aller à—. Mandeha *hikonfesy*.

CONFESSER, *va.* 1° Manaiky. —la vérité. *Manaiky* ny marina. —Jésus-Christ. *Manaiky* any Jeso-Kristy am-pahibemaso. 2°—, Milaza, manambara. —ses péchés à un prêtre. *Milaza*, etc., ny fahotany amy ny pretra. 3°—, Mampikonfesy. Il a confessé beaucoup de fidèles. *Nampikonfesy* kristiana betsaka izy.

Se confesser, *vpr.* 1° Mikonfesy, manambara fahotana. 2°—, Miaiky, manaiky. Il se confesse vaincu. *Miaiky*, etc., izy fa resy.

CONFESSEUR, *sm.* 1° Mpampikonfesy. 2°—, Lehilahy izay olo-masina fa tsy martiry.

CONFESSION, *sf.* 1° Konfesy, fikonfesena, fanambarana ny fahotana. 2°—, Fiaikena, fanekena.

CONFESSIONNAL, *sm.* Trano fikonfesena.

CONFIANCE, *sf.* 1° Toky, fitokiana, fahatokiana. Mettre sa — en quelqu'un. *Matoky* olona. Il est digne de—. Mendrika *hitokiana* izy. C'est un homme de —. Olona *mahatoky*, mahafatra-pó izy. 2° —, Toky, fahatokiana, hasahiana, hambo. Il avance avec—contre l'ennemi. Mandroso amin-*toky*, amim-*pahatokiana*, an-*hasahiana* hamely ny fahavalo izy. Il a trop de — en lui-même. *Matoky* tena, *sahy*, be *hambo* loatra izy.

CONFIANT, ANTE, *adj.* 1° Matoky. 2°—, Sahy, be hambo.

CONFIDEMMENT, *adv.* Mangingina.

CONFIDENCE, *sf.* Filazana mangingina.

En confidence, *loc. adv.* Mangingina. Je vous dis ceci en—. Ilazako *mangingina* izany hianao.

CONFIDENT, ENTE, *s.* Olona ilazana mangingina. Il est le — de toutes ses peines. Izy no *ilazany mangingina* ny alahelony rehetra.

CONFIDENTIEL, ELLE, *adj.* Lazaina mangingina. Cette lettre que je vous envoie est confidentielle. Hianao hiany no *ilazako mangingina* izay amin' ity taratasy ampitondraiko ity.

CONFIER, *va.* 1° Mametraka, manankina, manendry. C'est à vous que je confie mon enfant. Hianao no *ametrahako, anankinako* ny zanako. Le roi lui a confié le gouvernement d'une province. *Nanendry* azy hanapaka faritany iray ny mpanjaka. 2°—, Milaza mangingina.

Se confier, *vpr.* 1° Matoky, miankina, miantehitra. Je me confie en vous. Hianao no *itokiako, iankinako. ianteherako.* 2°—, Mifampilaza mangingina.

CONFIGURATION, *sf.* Endrika. Les cristaux affectent diverses configurations. Samihafa *endrika* ny kristaly.

CONFINER, *vn.* Mifanolotra. La France confine à l'Italie. Frantsa *mifanolotra* aminy Italia.

—, *va.* Mampihiboka, mampifahy, manizina. On l'a confiné dans une île. *Nafahy, nahizina* tao amy ny nosy anankiray izy.

Se confiner, *vpr.* Mihiboka, mifahy, mihizina.

CONFINS, *sm. pl.* 1° Sisin-tany. Il est allé aux — de l'Italie. Lasa any an-*tsisin-taniny* Italia izy. 2° *fig.* Aux — de la terre. Any amy ny fara-vazan-tany.

CONFIRE, *va.* Mandóna voankazo, mahandro voankazo amy ny siramamy. — des pêches dans du rhum. *Mandóna* paiso anatin' ny toaka.

CONFIRMATION, *sf.* 1° Fanamafiana. 2°—, Fankatoavana. 3°—, Fanamarinana, porofo. 4°—, Konfirmasio. L'évêque a donné la— à cent personnes. Olona zato no nataon' ny eveka *konfirmasio*.

CONFIRMER, *va.* 1° Manamafy. Ce que vous dites me confirme dans mon opinion. Izay lazainao *manamafy* ny hevitro. 2°—, Mankató. Le roi confirma l'arrêt du gouverneur. *Nankatoavin'* ny mpanjaka ny didy nataon' ny governora. 3°—, Manamarina, manaporofo. Une lettre confirme ce que j'avais entendu dire. Misy taratasy anankiray vao tonga *manamarina*, etc., izay efa reko. 4°—, Manome konfirmasio.

Se confirmer, *vpr.* Mihamarina, hamarinina.

CONFISCABLE, *adj.* Azo baboina,—hosena. Marchandise—. Varotra *azo baboina.*

CONFISCATION, *sf.* Famaboana, fanosena.

CONFISEUR, EUSE, *s.* Mpanao sy mpivarotra zava-mamy.

CONFISQUER, *va.* Mamabo, manosy. On confisqua tous ses biens. *Nobaboina, nohosena* ny fananany rehetra.

CONFITURE, *sf.* Voankazo nandrahoina tamy ny siramamy, konfitiora.

CONFLAGRATION, *sf.* 1° Fandorana. A la fin aura lieu la—du monde. Amy ny farany *hodorana* izao tontolo izao. 2° *fig.* Fikorontanana. Ce fut une—générale dans l'Etat. *Nikorontana* hatraiza hatraiza ny fanjakana.

CONFLIT, *sm.* 1° Ady. Le—des deux armées fut sanglant. Ny *ady* nataon' ny tafika roa tonta nisy ra be nandriaka. 2° *fig.* Fifanoherana. Il y eut—d'opinions. *Nifanohitra* ny hevitr' izy ireo.

CONFLUENT, ENTE, *adj.* Petite vérole confluente. Nendra mainty.

—, *sm.* Fihaonan-drano, sampanan-drano.

CONFONDRE, *va.* 1° Manakambana, mampifangaro, mampifanjevo, mampisafotofoto. Nous confondîmes nos regrets. *Nanakambana* ny alahelontsika isika. 2°—, Tsy manavaka, manao ho hafa. Il ne faut pas—l'innocent avec le coupable. Tokony *havahana* amy ny meloka ny tsy manan-tsiny. Il a confondu ces deux choses. *Tsy nanavaka* ireo zava-droa loha ireo izy. Il a confondu Pierre avec Paul. *Nanao* any Piera *ho* Paoly izy. 3°—, Manakorokoro, mamaky betroka, mampangaihay, mahakepoka, mahatalanjona. Dieu confond les vains projets des hommes. *Korokoroin'* Andriamanitra ny fikasam-poana ataon' ny olombelona. Cette déposition a confondu le calomniateur. *Namaky betroka, nampangaihay, nahakepoka* ny mpanendrikendrika izany teny nataon' ny vavolombelona izany. Cela confond ma raison. *Mahatalanjona* ny saiko izany.

Se confondre, *vpr.* 1° Mikambana, mifangaro, miharo, mifanjevo, misafotofoto. Ces deux lignes se confondent. *Mikambana* ireo tsipika roa ireo. Les eaux des deux rivières se confondent. *Mikambana, miharo* ny rano amin' ireo renirano roa ireo. Toutes mes idées se confondent. *Mifangaro, mifanjevo, misafotofoto* be hiany ny hevitro rehetra. 2° —, Mangaihay, kepoka, talanjona. Il s'est confondu dès la première question. *Nangaihay* foana, *kepoka* terý izy raha vao nanontaniana. || *loc.* Se — en excuses. Manalady in-jato amin' arivo.

CONFONDU, UE, *p.* et *adj.* 1° Voakambana, nakambana, mikambana, nampifangaroina, mifangaro, miharo, nampifanjevoina, mifanjevo, nasafotofoto, misafotofoto. Ces papiers sont confondus parmi beaucoup d'autres. *Mifangaro, mifanjevo, misafotofoto* be hiany amy ny hafa izany taratasy izany. 2°—, Tsy voavaka, tsy navahana, natao ho hafa. 3° —, Nakorokoro, vaky betroka, mangaihay, kepoka, talanjona. Il resta—. *Vaky betroka, nangaihay, kepoka* terý izy.

CONFORMATION, *sf.* Toe-batana.

CONFORME, *adj.* Mitovy, sahala, mifanahaka, mifanaraka. La copie est—à l'original. *Mitovy,* etc., amy ny nangalana azy ny kopia. Son habit est—à son état. *Mifanaraka* amy ny toetrany ny akanjony.

CONFORMÉ, ÉE, *adj.* Il a le corps bien—. Tsara toe-batana izy. Il a la jambe mal conformée. Ratsy tongotra izy.

CONFORMÉMENT, *adv.* Araka.

CONFORMER, *va.* Mampifanaraka. Il conforme sa vie à la doctrine de l'Évangile. *Mampifanaraka* ny toe-piainany amy ny tenin' ny Evanjely izy.

Se conformer, *vpr.* Manaraka, manaiky, manao araka. Il s'est conformé aux ordres du gouverneur. *Nanaraka, nanaiky* ny didin' ny governora izy. Dans son discours il a su se—aux circonstances. Nandaha-teny *araka* ny toe-draharaha izy.

CONFORMITÉ, *sf.* 1° Fitoviana, fifanahafana, fifanarahana. Il y a entre eux — de sentiments. *Mitovy, mifanahaka, mifanaraka* ny hevitr' izy ireo. 2°—, Fanarahana, fanaikena. La — à la volonté divine. Ny *fanarahana,* etc., ny sitra-pon' Andriamanitra.

En conformité de, *loc. prép.* Araka.

CONFORTABLE, *adj.* Mahampy.

—, *sm.* Ny ampy. Il a un bon —. Manana *ny ampy* izy, efa miadana, miaina izy.

CONFORTABLEMENT, *adv.* Ampy.

CONFORTANT, ANTE ou **CONFORTATIF, IVE,** *adj.* et *sm.* Mahatanjaka.

CONFORTER, *va.* Mahatanjaka. Cette nourriture vous confortera. *Hahatanjaka* anao io hanina io.

Se conforter, *vpr.* Mihamatanjaka.

CONFRATERNITÉ, *sf.* Fikambanana, fisakaizana.

CONFRÈRE, *sm.* Isan' ny fikambanana anankiray, namana. [ka.

CONFRÉRIE, *sf.* Fikambanana hivava-

CONFRONTATION, *sf.* 1° Fampitahana. 2°—, Fampifanatrehana.

CONFRONTER, *va.* 1° Mampitaha. — deux écritures. *Mampitaha* soratra roa. 2°—, Mampifanatrika. — les témoins avec l'accusé. *Mampifanatrika* ny vavolombelona sy ny ampangaina.

CONFUS, USE, *adj.* 1° Mifangaro, mifanjevo, mikorontana, misafotofoto, tsy mazava. Amas — d'ossements. Taolana *mifangaro, mifanjevo, mikorontana.* Discours —. Laha-teny *misafotofoto, tsy mazava.* Il ne m'en reste qu' un souvenir —. Tsy tsaroako *mazava* intsony izany. || *loc.* Cris—. Fihohahoha. 2°—, Menatra, mangaihay, vaky afero, safotra. Il s'est retiré —. *Menatra,* etc., izy ka niala, nisiontsiona izy. Je suis — de vos bontés. *Menatra* aho noho ny halemem-panahinao.

CONFUSÉMENT, *adv.* Mifangaro, mifanjevo, mikorontana, misafotofoto, tsy mazava.

CONFUSION, *sf.* 1° Fifangaroana, fifanjevoana, fikorontanana, fisafotofotoana. Il y a bien de la — dans sa chambre. *Mifangaro,* etc., be hiany ny zavatra ao an-tranony. La — se mit dans les rangs des soldats. *Nikorontana* ny laharan' ny miaramila. La — est dans l'État. *Mikorontana* ny fanjakana. 2°—, Fanaovana ho hafa, fampifamadihana. Il fait — de noms. *Manao* anarana anankiray *ho* anaran-*kafa* izy. Il a fait une étrange — de mots. Mahagaga ny *nampifamadihany* ny teny. 3°—, Henatra, fangaihay. Couvert de—. Safo-*henatra, mangaihay.* Vos louanges me donnent de-la—. *Mahamenatra* ahy izany fiderana ataonao ahy izany.

En confusion, *loc. adv.* Mifangaro, mifanjevo, mikorontana, misafotofoto.

CONGÉ, *sm.* 1° Andro fijanonana, —fitsaharana, — tsy ianarana. Le capitaine a obtenu un — de six mois. Nahazo *andro fijanonana, —fitsaharana* enim-bolana ny kapiteny. Les élèves ont — demain. *Tsy mianatra* ny sekoly rahampitso. 2°—, Fandroahana, fialana. Son maître lui a donné son—. *Noroahin'* ny tompony izy. Le domestique a demandé son —. Nilaza *hiala* ny mpanompo. 3°—, Veloma. Il a pris — de sa famille. Nanao *veloma* ny fianakaviany izy.

CONGÉDIER, *va.* 1° Mandroaka, mampirava. Congédiez cet importun. *Roahy* ilay mpanahirana io. Il a congédié l'assemblée. *Nampirava* ny fivoriana izy. 2°—, Manafaka ho borozano, mamela—. On a congédié l'armée expéditionnaire. *Afaka, navela ho borozano* ny miaramila mpiantafika.

CONGÉLATION, *sf.* Fampandriana, fandriana.

CONGELER, *va.* Mampandry. Le grand froid congèle l'eau. Ny hatsiaka mafy *mampandry* ny rano.

Se congeler, *vpr.* Mandry.

CONGÉNÈRE, *adj,* Iray karazana. Animaux congénères. Biby *iray karazana.*

CONGESTION, *sf.* Fihandronana. — sanguine. *Fihandronan*-dra.

CONGLUTINATION, *sf.* Haditidity. La — du sang. Ny *hadititidin'* ny ra.

CONGLUTINER, *va.* Mahadity.

CONGRATULATION, *sf.* Fiarahabana.

CONGRATULER, *va.* Miarahaba. Il l'a congratulé sur son mariage. *Niarahaba* azy noho izy vao nanambady izy.

CONGRÉGANISTE, *s.* Isan' ny fikambanana anankiray hiara-mivavaka. || *loc.* Écoles congréganistes. Trano sekoly tandreman' ny Sefrera na Masera.

CONGRÉGATION, *sf.* Fikambanandrelijiozy, fikambanana hiara-mivavaka.

CONGRÈS, *sm.* Fivoriana handinika zavatra.

CONGRU, UE, *adj.* Ampy, sahaza, antonintoniny.

CONIQUE, *adj.* Borjbory kitsoloha.

CONJECTURAL, ALE, *adj.* Misy vinany ara-keviny

CONJECTURE, *sf.* Vinany ara-keviny. Je n'en parle que par—. *Vinany arakeviny* fotsiny no ilazako izany.

CONJECTURER, *va.* Manao vinany ara-keviny. Un médecin ne fait souvent que —. Matetika *vinany ara-keviny* fotsiny no *ataon'* ny dokotera.

CONJOINDRE, *va.* Manakambana, mampiray. Il ne faut pas que l'homme sépare ce que Dieu a conjoint. Tsy azon' olom-belona sarahina izay *nakambana, nampiraisin'* Andriamanitra.

CONJOINT, *sm.* Mpivady, vady. L'un des conjoints. Ny anankiray amy ny *mpivady.*

CONJOINTEMENT, *adv.* Miaraka, am-piraisan-kina. Agir—avec quelqu'un.

Miara-manao, miray hina amin'olona.

CONJONCTIF, IVE, *adj.* Mampitohy teny. Locution conjonctive. Fombam-pitenenana *mampitohy teny.*

CONJONCTION, *sf.* 1° Teny mampitohy teny. 2°—, Fifanandrifiana. Quand la lune est en —, elle n'est pas visible. Raha *mifanandrify* amy ny masoandro ny volana, dia tsy hita.

CONJONCTURE, *sf.* Toetra, toe-draharaha, fotoana. Dans ces conjonctures difficiles il préféra se rendre. Tamin' izany *toetra* sarotra izany dia naleony nikoy. La — est favorable. Tsara ny *toedraharaha,* ny *fotoana.* ‖ *loc.* En cette —. Tamin' izay.

CONJUGAISON, *sf.* Fitanisana ny verba.

CONJUGAL, ALE, *adj.* Momba ny fanambadiana. Garder la foi conjugale. Manaraka ny *lalám-panambadiana.*

CONJUGALEMENT, *adv.* Hoatry ny mpivady.

CONJUGUER, *va.* Mitanisa verba.

Se conjuguer, *vpr.* Tanisaina.

CONJURATION, *sf.* 1° Teti-be, tetidratsy. Ils formèrent une — pour renverser le roi. Nanao *teti-be,* etc., hanongana ny mpanjaka izy ireo. 2° —, Fandroahana ny demony, fanafánana, fanalampaditra. 3°—, *pl.* Fitalahoana, fihantana.

CONJURÉ, ÉE, *adj.* et s. Mpanao tetibe, teti-dratsy.

CONJURER, *va.* 1° Manao teti-be, — teti-dratsy, miray tetika hanao ratsy. Ils ont conjuré la ruine de l'État. *Nanao teti-be, teti-dratsy, niray tetika* mba handrava ny fanjakana izy ireo. Comme COMPLOTER. 2° —, Mandroaka, mamily, manáfana, manala faditra, manolaka. — le diable. *Mandroaka* ny demony. — la colère de Dieu. *Mamily* ny hatezeran'Andriamanitra. — les esprits malins par des aspersions. *Manáfana.* — une maladie provenant des esprits malins. *Manala faditra* olo-marary. — la grêle, la foudre. *Manolaka* dovy. 3°—, Mitalaho, mihanta. O Dieu, sauvez-moi, je vous en conjure. Andriamanitra ò, *mitalaho,* etc., aminao aho, vonjeo aho. Faites cela, je vous en conjure. *Mihanta* aminao aho, ataovy izany.

CONNAISSANCE, *sf.* 1° Fahalalana, fahafantarana, fandrenesana, fahaizana, fahaiza-mitondra. La — du bien et du mal. Ny *fahalalana* ny tsara sy ny ratsy. Avez-vous — de la mort de mon frère? Moa *fantatrao* ny nahafatesan'ny rahalahiko? Je n'en ai eu aucune —. Tsy *reko* velively izany. Il a une grande — de l'histoire. *Mahalala, mahafantatra, mahay* tsara ny tantara izy. Il a une grande — des affaires. *Mahay mitondra* tsara ny raharaha izy. ‖ *loc.* Prendre — d'une affaire. Mandinika, mamotopototra raharaha. Donner —. Manambara, mampandre, mampisеho. 2° —, Fahatsiarovana. Perdre —. Tsy *mahatsiaro* tena, torana. 3° —, Fifankahalalana, fifankahaizana, olom-pantatra. Je viens de faire — avec lui. Vao *nifankahalala, nifankahay* taminy aho. Il a de nombreuses connaissances. Maro *olom-pantatra* izy. Vous êtes ici en pays de—. Eto ampovoan' ny *olom-pantatra* hianao. 4°—, *pl.* Fahaizana. Il possède de vastes connaissances. Be *fahaizana* izy.

CONNAISSEMENT, *sm.* Taratasy fanamarinana ny momba ny entana ampitondrain'olona an-tsambo.

CONNAISSEUR, EUSE, *s.* Mpahalala. Il est bon — en chevaux. *Mpahalala* tsara ny soavaly izy.

CONNAÎTRE, *va.* 1° Mahalala, mahafantatra, mahay, mahalala toetra. Je connais son état. *Mahalala* ny toetrany aho, *fantatro* ny toetrany. Je ne le connais ni d'Adam ni d'Eve. Tsy *fantatro* velively izy. Il ne connait que son devoir. Tsy *mahalala,* tsy *mahafantatra* afatsy ny tsy maintsy ataony izy. Il ne connait pas la crainte. Tsy *mahalala* tahotra izy. Il me connut à la voix. Ny feoko no *nahalalany, nahafantarany* ahy. Il connaît bien la guerre. *Mahalala, mahay* tsara ny fomban' ady izy. Il connaît bien les plantes. *Mahalala, mahay* tsara ny momba ny zava-maniry izy. Il ne connait pas la haine. Tsy *mahay* lolom-po izy. Il a trompé bien du monde, on ne le connaissait pas. Maro ny olona voafitany, fa tsy *nahalala ny toetrany.* 2° —, Mifankahalala, mifankahay. Je ne veux point — cet homme-là. Tsy te-*hifankahalala, hifankahay* aminy aho. Je ne le connais plus. Tsy *mifankahalala,* etc., aminy intsony aho. 3°—, Azo, mahita, manaraka, manaiky, misy, manana, mahatsiaro. Il n'a jamais connu le mal de tête. Tsy mbola *azon'* ny aretin' an-doha izy. Il ne connaissait plus le sommeil. Tsy *nahita* tory intsony izy. Ici on ne connaît pas cet usage. Tsy *arahina* aty izany fanao izany. Il ne connait point de maître. Tsy *manaiky*

na iza na iza izy. Sa charité ne connait point de bornes. Tsy *misy* fetra ny hazavam-pony. Il ne connait ni Dieu ni diable. Tsy *manana* antom-pivavahana izy. Sa fureur ne connait plus rien. Tsy *mahatsiaro* na inona na inona intsony izy rahefa tezitra.

—, *vn.* Manam-pahefana hitsara. Ce juge connait des matières civiles et criminelles. *Manam-pahefana* hitsara ny ady madio sy ny ady maloto io mpitsara io.

Se connaître, *vpr.* 1° Mahalala ny toetry ny tena, mahafantatra—. 2°—, Mifankahalala, mifankahay. 3°—, Mahatsiaro tena. Dans la colère il ne se connait plus. Raha tezitra izy, tsy *mahatsiaro tena* intsony. 4°—, Azo fantarina. L'âge d'un cheval se connait par les dents. *Azo fantarina* amy ny nifiny ny taonan' ny soavaly. 5°—, Mahalala. Il se connait en tableaux. *Mpahalala* toe-tsary izy.

CONNÉTABLE, *sm.* Manamboninahitra komandin' ny tafika sy lehiben' ny foloalindahy rehetra tany Frantsa fahiny.

CONNEXE, *adj.* Mifanaraka, mitohy, mifandray. Ce sont deux affaires connexes. Raharaha roa *mifanaraka,* etc., izany.

CONNEXION, *sf.* Fifanarahana, fitohizana, fifandraisana. On ne voit pas la — de ces deux idées. Tsy hita izay *ifanarahana, itohizana, ifandraisan'*ireo hevi-droa ireo.

CONNEXITÉ, *sf.* Fifanarahana, fitohizana, fifandraisana. Il y a — entre ces deux affaires. *Mifanaraka, mitohy, mifandray* ireo raharaha roa ireo.

CONNIVENCE, *sf.* Tsikombakomba. Cette mère est de — avec son enfant. Manao *tsikombakomba* amy ny zanany io reniny io.

CONNIVER, *va.* Manao tsikombakomba.

CONNU, UE, *p.* et *adj.* Fantatra, hay, malaza. C'est un homme —. Olona *fantatra, malaza* izy. Il ne veut pas être —. Tsy te-ho *fantatra* izy.

—, *sm.* Ny fantatra. Le — nous fait connaitre l'inconnu. Ny *fantatra* no hahafantarantsika ny tsy fantatra.

CONQUE, *sf.* Anjombona, angaroa, antsiva.

CONQUÉRANT, ANTE, *adj.* 1° Mampanaiky amy ny ady. 2° *fig.* Avoir l'air —. Mireharcha noho ny haingo.

—, *sm.* Olona nampanaiky tany maro.

CONQUÉRIR, *va.* 1° Mampanaiky amy ny ady. Alexandre conquit l'Asie. Aleksandra *nampanaiky* any Azia. 2° *fig.* Mahazo, mandresy. Il a conquis tous les cœurs. *Nahazo, nandresy* ny fo rehetra izy.

Se conquérir, *vpr.* 1° Ampanaikena. 2° *fig.* Azo.

CONQUÊTE, *sf.* 1° Fampanaikena amy ny ady. 2° —, Tany azo tamy ny ady. L'enfant a gardé les conquêtes de son père. Nitahiry ny *tany azon*-drainy *tamy ny ady* ny zanany. 3° *fig.* Fahazoana, zavatra azo.

CONQUIS, ISE, *p.* et *adj.* 1° Nampanaikena tamy ny ady. 2° *fig.* Azo.

CONSACRÉ, ÉE, *adj.* 1° Nohamasinina. Autel —. Otely *nohamasinina.* 2° —, Voatokana, natokana, nanokan-tena. Personne — à Dieu. Olona *nanokan-tena* ho an' Andriamanitra. 3° —, Fanao. C'est l'expression consacrée. Izany no teny *fanao.*

CONSACRER, *va.* 1° Manamasina, mankamasina. — une église. *Manamasina* trano leglizy. 2° —, Manokana. Il a consacré ses jours au service de Dieu. *Nanokana* ny androny rehetra hanompoany an' Andriamanitra izy. Il a consacré cent piastres au soulagement des pauvres. *Nanokana* ariary zato hitsimbinana ny mahantra izy. 3° —, Mahatonga ho fanao, mampahazatra. Le temps a consacré ce préjugé. *Nahazatra* ny olona tsikelikely izany hevi-diso izany.

Se consacrer, *vpr.* Manokan-tena.

CONSANGUIN, INE, *adj.* Mpihavana avy amy ny ray, iray ray.

CONSANGUINITÉ, *sf.* Fihavanana avy amy ny ray, fihavanana. Empêchement de —. Fisakanana avy amy ny *fihavanana.*

CONSCIENCE, *sf.* 1° Ny ao am-po, ny ao an-tsaina, eritreritra, fieritreretana, fo, fanahy, hitsim-po, nenina. Ma — ne me reproche rien. Tsy maniny ahy *ny ao am-poko, ny ao an-tsaiko,* ny *eritreritro,* ny *fieritreretako.* Il examine sa—. Mandinika *ny ao am-pony* izy. Dieu sonde les consciences. Andriamanitra mandinika *ny ao am-po,* ny *fon'* ny olona. Dire tout ce qu'on a sur la—. Mamboraka *ny ao am-po.* Ce prêtre dirige bien les consciences. Mahay mitondra ny *fanahin'* olona io pretra io. Il agit selon sa—. Manao araka ny *hitsim-pony* izy. C'est un homme de—.

Mahitsy fo izy. J'ai satisfait à ma—. Efa niala *nenina*, afa-*nenina* aho. 2°—. Fahalalana, fahafantarana. J'ai — de ma faiblesse. *Mahalala, mahafantatra* ny halemeko aho.

En conscience, *loc. adv.* Araka ny ao am-po, — ny ao an-tsaina, — ny hitsim-po.

CONSCIENCIEUSEMENT, *adv.* Araka ny ao am-po, — ny ao an-tsaina, —ny hitsim-po, an-kitsim-po.

CONSCIENCIEUX, EUSE, *adj.* Mahitsy fo.

CONSCIENT, ENTE, *adj.* Mahalala ny ataony.

CONSCRIPTION, *sf.* Faka-miaramila.

CONSCRIT, *sm.* Miaramila zazavao.

CONSÉCRATEUR, *sm.* Mpanamasina.

CONSÉCRATION, *sf.* Fanamasinana, fankamasinana. Les paroles de la—. Ny teny *fanamasinana*, etc.

CONSÉCUTIF, IVE, *adj.* Misesy, mifanarakaraka. La pluie est tombée durant cinq jours consécutifs. Nilatsaka nandritra ny hadimian' andro *nisesy*, etc., ny ranonorana.

CONSÉCUTIVEMENT, *adv.* Misesy, mifanarakaraka.

CONSEIL, *sm.* 1° Hevitra, saina, torohevitra. Prendre—. Maka *hevitra*, mila *hevitra, saina*. Donner—. Manome *hevitra, saina*, manolo-*tsaina, manoro hevitra*. Le — en est pris. Raikitra ny *hevitro* ny amin' izany. Les conseils de Dieu sont impénétrables. Tsy takatry ny saina ny *hevitr'* Andriamanitra. Ce n'est pas un précepte, ce n'est qu'un —. Tsy didy izany fa *torohevitra* hiany. Les conseils évangeliques. Ny *torohevitry* ny Evanjely mba hahatongavana amy ny fahalavorariana. || *loc.* Ne prendre — que de sa fureur. Tsy manaraka afa-tsy ny hatezerany. 2° —, Mpanome hevitra, mpanolo-tsaina. Cet homme est mon —. *Mpanome hevitra, mpanolo-tsaina* ahy io lehilahy io. 3° —, Fivorian' ny mpanolo-tsaina, fivoriana. Il y a eu — ce matin. Nisy *fivorian' ny mpanolo-tsaina* aninaraina. Le — des ministres. Ny *fivorian'* ny ministra. — de guerre. *Fivorian'* ny manamboninahitra mitsara ny miaramila.

CONSEILLER, *va.* Manome hevitra, — saina, manolo-tsaina, manoro hevitra.

CONSEILLER, ÈRE, *s.* 1° mpanome hevitra,— saina, mpanolo-tsaina, mpanoro hevitra. C'est un bon—. *Mpanome hevitra* tsara, etc., izy. 2°—, Manome vohony. La colère est une mauvaise conseillère. *Manome vohony* ny hatezerana.

CONSENTANT, ANTE, *adj.* Manaiky.

CONSENTEMENT, *sm.* Fanaikena. Donner son—. *Manaiky*.

CONSENTIR, *vn.* Manaiky, mety. Je consens au mariage de ma fille. *Manaiky* ny hanambadian' ny zanako vavy aho. Qui ne dit mot, consent. Rahefa tsy miteny dia *manaiky*. Il ne consent pas. Tsy *manaiky*, tsy *mety* izy. — à tout par timidité. *Manaiky* be, lempona, lembenana. — au hasard. *Manaiky* be fahatany, ambony hiany, be.

—, *va.* Manaiky. — une vente. *Manaiky* fivarotana.

CONSÉQUEMMENT, *adv.* 1° Amin' izany, noho izany, araka ny voalaza. 2° —, Araka ny ao an-tsaina. Il agit —. Manao *araka ny ao an-tsainy* izy.

CONSÉQUENCE, *sf.* 1° Hevitra alaina. Quelle — tirez-vous de l'existence du monde? J'en tire la — qu'il y a un Dieu. Inona no *hevitra alainao* amy ny fisian' izao tontolo izao? Ny *hevitra alaiko* amin'izany, dia izao: misy Andriamanitra. Voy. CONCLUSION, CONCLURE. 2° —, Zavatra avy, — ateraka, — iafarany, vokatra. Les conséquences de la colère sont parfois terribles. Indraindray mahatsiravina ny *zavatra avy* amy ny hatezerana, — *ateraky*, etc., ny hatezerana. || *loc.* De —. Be vava. C'est une chose de —. Zavatra *be vava* izany. Cela ne peut tirer à —. Tsy maninona, tsy mampaninona izany. C'est une affaire sans —. Raharaha tsy maninona, tsy mampaninona izany.

En conséquence, *loc. adv.* Amin'izany, noho izany, araka ny voalaza. J'ai reçu votre lettre, et j'agirai en —. Efa azoko ny taratasinao, ary hataoko *araka izay voalazanao*.

CONSÉQUENT, ENTE, *adj.* Milaza na manao zavatra mifanaraka amy ny ao an-tsaina. Il est — dans sa conduite. Manao fitondran-tena *mifanaraka amy ny ao an-tsainy* izy.

Par conséquent, *loc. adv.* Amin' izany, noho izany. C'est votre père, et par — vous lui devez le respect. Rainao izy, koa *amin' izany*, etc., tsy maintsy hanaja azy hianao.

CONSERVATEUR, TRICE, *s.* Mpitahiry, mpitana.

CONSERVATION, *sf.* Fitahirizana, fitanana.

CONSERVE, *sm.* 1° Voan-javatra nandrahoina tamy ny siramamy. — de fruits. Voankazo *nandrahoina tamy ny siramamy.* 2° —, Hena voatahiry anaty vata. — de bœuf. *Hena voatahiry anaty vata.* 3° —, *pl.* Karazan-tsolomaso iarovana ny maso. ‖ *loc.* Naviguer de —. (Sambo) miara-mandeha.

CONSERVER, *va.* 1° Mitahiry, mampaharitra, mitandrina tsy ho simba, miaro tsy ho lo, — tsy ho simba, — tsy ho faty, mitana. — des fruits. *Mitahiry* voankazo. Dieu conserve le monde. Andriamanitra *mitahiry, mampaharitra* izao tontolo izao. Il sait — ses habits. Mahay *mitandrina* ny akanjony *tsy ho simba* izy. Il y a des lunettes qui conservent la vue. Misy solomaso *miaro* ny maso *tsy ho simba.* Une vie réglée conserve la santé. Ny toe-piainana voalamina *mampaharitra* ny hasalamana. C'est par la nourriture que nous conservons notre vie. Ny hanina no *itahirizantsika, itanantsika* ny aintsika. 2° *fig.* Mitahiry, mitana, mihazona, mbola misy, — manana. Il n'a conservé de ses livres que ceux qui lui étaient absolument nécessaires. Tsy *nitahiry, nitana, nihazona* afa-tsy izay tena ilainy indrindra amy ny bokiny rehetra izy. Ils ont toujours conservé cet usage. *Notahiriziny, notanany* mandrakariva izany fomba izany. Il n'a pu — un seul de ses amis. Tsy *nahatana, nahazona* sakaiza na dia iray aza izy. Il a conservé son innocence. *Nahatahiry* ny hadiovam-pony izy. Il a conservé sa réputation. *Nahatahiry, nahatana* ny lazany izy. Je conserve un peu d'espoir. *Mbola misy* fanantenana kely ao ampoko. Il conserve toute sa tête. *Mbola manan*-tsaina hiany izy.

Se conserver, *vpr.* 1° Tahirizina, maharitra, tsy mihaló, tsy mihasimba, tanana. Ces fruits ne se conservent pas. Tsy azo *tahirizina,* tsy *maharitra, mihaló* ireo voankazo ireo. Cet usage s'est conservé jusqu'à nos jours. *Maharitra, voatana* mandraka ankehitriny izany fanao izany. 2°—, Tsy manao vý very ny aina, mitahiry tena, mitaiza tena. Un général doit se — pour ses soldats. Tsy tokony *hanao vý very ny ainy* ny jeneraly noho ny miaramilany. Il sait bien se —. Mahay *mitahiry tena, mitaiza tena* izy. Il s'est conservé pur. *Nitahiry* ny *tenany* ho madio izy.

CONSIDÉRABLE, *adj.* Ambony, lehibe, be, betsaka, be vava. C'est un personnage—. Olona *ambonimbony* hiany izy. Une armée —. Tafika *lehibe,* miaramila *betsaka.* La dépense est —. *Be, betsaka* ny lany. Perte —. Fatiantoka *lehibe, be vava.*

CONSIDÉRABLEMENT, *adv.* Be dia be.

CONSIDÉRANT, *sm.* Antony. Les considérants d'un arrêt. Ny *anton'* ny didy anankiray.

CONSIDÉRATION, *sf.* 1° Fandinihana, fiheverana, fahatsiarovana. L'affaire mérite —. Tokony *hodinihina, hoheverina* ny raharaha. Le roi prendra vos services en —. *Hotsaroan'* ny mpanjaka ny soa nataonao. 2°—, Hamalinana. Il agit sans —. Tsy *malina* amy ny ataony izy. 3°—, Antony. Cette — m'empêche de vous frapper. Izany no *antony* misakana ahy tsy hamely anao. 4°—, Fanajana. fanaovana ho zavatra. Il jouit d'une grande—. *Hajaina* dia hajaina izy. 5°—, *pl.* Fandinihana. Considérations sur l'histoire. *Fandinihana* momba ny tantara.

En considération de... *loc. prép.* Noho. Je vous accorde cela en — des services que vous m'avez rendus. Omeko anao izany *noho* ny soa nataonao tamiko.

CONSIDÉRÉMENT, *adv.* Amim-pahamalinana.

CONSIDÉRER, *va.* 1° Mijery, mizaha, mandinika, mihevitra, mahatsiaro. Considérez ce tableau. *Jereo, zahao, diniho* io sary io. Considérez bien cette affaire. *Diniho, hevero* tsara izany raharaha izany. Je ne considère que son mérite. Tsy *mijery, mihevitra* afa-tsy ny fahamendrehany aho. Considérez les services que je vous ai rendus. *Jereo, diniho, hevero, tsarovy* ny soa nataoko taminao. 2°—, Manaja, manao ho zavatra. C'est un homme que je considère beaucoup. Olona *hajaiko* dia hajaiko, *ataoko ho zavatra* tokoa izy. 3°—, Manao ho, mihevitra. Je le considère comme le plus savant. *Ataoko, heveriko* fa mahay indrindra izy.

Se considérer, *vpr.* Mihevi-tena, manao ny tenany ho....

CONSIGNATAIRE, *sm.* Mpitahiry volan'olona, — entan'olona.

CONSIGNATION, *sf.* Fametraham-bola na entana amin'olona.

CONSIGNE, *sf.* 1° Baiko omena ny mpiambina. 2°—, Fihibohana, fifahazana.

CONSIGNÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Napetraka tamin'olona. 2°—, Vita an-tsoratra, voasoratra. Ce fait est—dans l'histoire. Efa *voasoratra* amy ny tantara izany. 3°—, Ahiboka, afahy. Il a été—pour huit jours. *Nahiboka*, etc., havaloan'andro izy.

CONSIGNER, *va.* 1° Mametra-bola na entana amin'olona. 2°—, Mandatsaka an-tsoratra, manoratra. Consignez ceci dans vos papiers. *Alatsaho an-tsoratra, sorato* amy ny taratasinao ity. 3°—, Mampihiboka, mampifahy.

CONSISTANCE, *sf.* 1° Hamafiana. Cette cire manque de —. Tsy *mafy* loatra ity savoka ity. Ce bois n'a pas assez de—. Tsy *mafy* loatra io hazo io. 2° *fig.* Faharetana, fahamarinana. Les choses humaines sont sans—. Tsy *maharitra* ny zavatr'izao tontolo izao. Ce bruit prend de la—. *Mihamarina* izany tsaho izany.

CONSISTANT, ANTE, *adj.* 1° Mafy. 2°—, Misy.

CONSISTER, *vn.* 1° Inona, maha-izy. En quoi consiste le bonheur? Il consiste à posséder Dieu. *Inona* no mahasambatra? Ny *maha*sambatra dia ny manana an'Andriamanitra. Voilà en quoi il consiste. Izany no *maha-izy* azy. 2°—, Misy. Sa campagne consiste en arbres fruitiers et en blé. *Misy* hazo mamoa sy varimbazaha ny sahany.

CONSISTOIRE, *sm.* 1° Fivorian'ny kardinaly atrehin'ny papa. 2°—, Fivorian' ny mpitarika ny fivavahan' ny Jody na ny Protestanta.

CONSOLABLE, *adj.* Azo alana alahelo.

CONSOLANT, ANTE, *adj.* Mahafaka alahelo, mampionona ny alahelo, mampitony—.

CONSOLATEUR, TRICE, *adj.* et *s.* Mpanala alahelo, mpanafaka—, mpampionona—, mpampitony—.

CONSOLATION, *sf.* Fanalana alahelo, fanafahana —, fampiononana —. Vous êtes ma —. Hianao no *fanala alaheloko, mahafaka, mampionona* ny *alaheloko.* ‖ *loc.* C'est une fiche de —. Fanonerana kely foana, ala moimoy fotsiny izany.

CONSOLE, *sf.* Talantalana fametrahantsariolona na famantaranandro, etc.

CONSOLER, *va.* Manala alahelo, manafaka —, mampionona —, mampitony —. — les affligés. *Manala alahelo, manafaka alahelo* ny ory, *mampionona, mampitony* ny *alahelon'* ny ory.

Se consoler, *vpr.* Afaka alahelo, mionona. Je ne puis me consoler. Tsy mety *afaka alahelo* aho, tsy mety *mionona* ny alaheloko.

CONSOLIDATION, *sf.* Fanamafisana.

CONSOLIDER, *va.* Manamafy. — une maison. *Manamafy* trano. — une alliance. *Manamafy* fihavanana.

Se consolider, *vpr.* Mihamafy.

CONSOMMATEUR, *sm.* 1° Mpihinana, mpividy ho any ny tenany. Dans cette ville les consommateurs sont peu nombreux. Vitsy ny *mpihinana, mpividy* amin' ity tanána ity. 2° —, Mpanatontosa. Jésus-Christ est le — de la foi. Jeso-Kristy no *mpanatontosa* ny finoana.

CONSOMMATION, *sf.* 1° Fandaniana, izay lany. Ici la — du vin est peu considérable. Kely ny divay *lany* atý. Payez votre —. Aloavy *izay laninao.* 2° —. Fahatontosana, fahatanterahana, fahavitana, fahataperana. La — des prophéties. Ny *fahatontosana, fahatanterahan*'ny faminaniana. L'Église restera jusqu'à la — des siècles. Ny Eglizy haharitra ambara-*pahatapitra* ny taona.

CONSOMMÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Lany, nolanína. 2°—, Tontosa, notontosaina, tanteraka, notanterahina, vita, novitaina, tapitra, lavorary. Il est d'une sagesse consommée. *Tapi*-pahendrena izy. C'est un général—. Jeneraly *tanteraka, lavorary* io.

CONSOMMÉ, *sm.* Ron-kena matsiro, ro mangazafy.

CONSOMMER, *va.* 1° Mandany. Nous avons consommé nos provisions de riz. *Lany* ny varinay. 2°—, Manatontosa, mamita, mahatanteraka, mahavita. — une affaire. *Manatontosa, mamita* raharaha anankiray. Dieu consomma la création du monde en six jours. Andriamanitra *nahatontosa, nahatanteraka, nahavita* ny famoronana an' izao tontolo izao tamy ny heneman' andro. —un crime. *Mahatanteraka* heloka be vava.

CONSOMPTION, *sf.* 1° Fandevonana. Cela fut brûlé jusqu'à entière —. Nodorana ambara-*pahalevony* izany. 2° —, Singotraty.

CONSONNANCE, *sf.* Fifanaraham-peo, fitoviam-peo amy ny vakiteny farany.

CONSONNE, *sf.* Renisoratra.

CONSORTS, *sm. pl.* Namana, ry. On a condamné Paul et — à payer solidairement. Nohelohina mba hiara-mandoa Paoly sy ny *namany, ry* Paoly.

CONSPIRATEUR, TRICE, *s.* Mpanao teti-be, — teti-dratsy.

CONSPIRATION, *sf.* Teti-be, teti-dratsy.

CONSPIRER, *vn.* 1° Miray hina, — hevitra, miara-manao. Ils conspirent pour le rétablissement de l'ordre. *Miray hina, — hevitra* mba hampitsahatra ny tabataba izy ireo. Tout conspire à sa gloire. *Miara*-mampahazo voninahitra azy ny zavatra rehetra. 2° —, Manao teti-dratsy, manao teti-be, miray tetika. Ils ont conspiré contre le prince. *Nanao teti-dratsy,* etc., hanongana ny mpanjaka izy ireo. Voy. Conjurer.
—, *va.* Mikasa hanao ratsy. Ils conspirent ma perte. *Mikasa hamono* ahy izy.

CONSPUÉ, ÉE, *p.* et *adj.* Tebahina izaitsizy. Ouvrage —. Boky *tebahina izaitsizy.*

CONSPUER, *va.* Manebaka izaitsizy.

CONSTAMMENT, *adv.* Lalandava, mandrakariva, amim-paharetana, amim-pandeferana. Il est — heureux. Ambinina *lalandava, mandrakariva* izy.

CONSTANCE, *sf.* Faharetana, fiaretana, fandeferana, fihafiana. Il montre de la — dans toutes ses entreprises. Mampiseho *faharetana* amin' izay rehetra ataony izy. Il souffre avec —. Mijaly amim-*pandeferana* izy.

CONSTANT, ANTE, *adj.* 1° Maharitra, miaritra, mandefitra, mahalefitra, mihafy, mahafy. Il est — dans son travail. *Maharitra* miasa izy. Il est — dans l'adversité. *Miaritra, mandefitra, mihafy* ny manjo azy izy. Il n'y a rien de — ici-bas. Tsy misy na inona na inona *maharitra* etý ambonin' ny tany. Vents constants. Rivotra *maharitra.* 2° —, Miharihary. Cela est —. *Miharihary* izany.

CONSTATATION, *sf.* 1° Fahitana fototra. 2° —, Fandatsahana an-tsoratra.

CONSTATER, *va.* 1° Mahita fototra. Je veux — le fait. Ta-*hahita fototra* izany aho. 2° —, Mandatsaka an-tsoratra, manoratra. Constatez cela dans cet écrit. *Alatsaho an-tsoratra, soraty* amin' io taratasy io izany.

Se constater, *vpr.* Hita fototra.

CONSTELLATION, *sf.* Antokon-kintana.

CONSTER, *v. imp.* Miharihary. Il conste par cet acte que.... Izany taratasy izany *mampiharihary* fa....

CONSTERNATION, *sf.* Harerahampo, firaviravezan-tánana.

CONSTERNÉ, ÉE, *p.* et *adj.* Rerapo, miraviravy tánana.

CONSTERNER, *va.* Maharera-po, mampiraviravy tánana. La mort de sa mère l'a consterné. Ny nahafatesandreniny *naharera-po,* etc., azy.

CONSTIPANT, ANTE, *adj.* Mampitohana, mampifarina.

CONSTIPATION, *sf.* Fitohanana.

CONSTIPÉ, ÉE, *p.* et *adj.* Mitohana (pour les grandes personnes), mifarina (pour les enfants).

CONSTIPER, *va.* Mampitohana, mampifarina. Cette nourriture constipe. *Mampitohana,* etc., itony hanina itony.

CONSTITUANT, ANTE, *adj.* 1° Maha-izy. Quelles sont les parties constituantes de l'eau ? Inona avy no *maha*-rano ny rano ? 2°—, Manao lalána mametra ny fombam-panjakana. Assemblée constituante. Fivoriana *manao lalàna mametra ny fombam-panjakana.*

CONSTITUÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Voatendry, notendrena. Il faut respecter les autorités constituées. Tsy maintsy hohajaina izay *voatendry* hifehy. Il a été constitué juge. *Voatendry* ho mpitsara izy. 2°—, Natao, voaforona, noforonina, nalamina, milamina, nalahatra, milahatra. C'est un État bien —. Fanjakana *milamina, milahatra* tsara io. ‖ *loc.* Être bien —. Tsara toe-batana. Être mal —. Ratsy toe-batana.

CONSTITUER, *va.* 1° Maha-izy. L'âme et le corps constituent l'homme. Ny fanahy sy ny vatana no *maha*-olona ny olona. Voy. Consister. 2°—, Manendry. Qui vous a constitué mon juge ? Iza no *nanendry* anao ho mpitsara ahy ? 3°—, *Manokana.* Je vais — une dot à ma fille. *Hanokana* harenjazavavy ho any ny zanako vavy aho. 4°—, Manao, mamorona, mandamina, mandahatra. Ils ont constitué une société de commerce. *Nanao, namorona* fikambanana momba ny varotra izy ireo.

Se constituer, *vpr.* Mitsangana, mitolotena, mitolo-batana. Se — juge dans sa propre cause. *Mitsangana* ho mpitsara ny azy. Se — prisonnier. *Mitolo-tena, mitolo-batana* ho ao an-tranomaizina.

CONSTITUTIF, IVE, *adj.* Maha-izy. Voy. CONSTITUANT.

CONSTITUTION, *sf.* 1° Ny maha-izy, toetra. Quelle est la — de l'air? Inona no *maha*-rivotra ny rivotra, manao ahoana ny *toetry* ny rivotra? 2°—, Fandaminana, filamina, fandaharana, filahatra. La — du monde est parfaite. Lavorary ny *filamina, filahatr'* izao tontolo izao. 3°—, Lalána mametra ny fombam-panjakana, lalána, didy. La — a été changée. Novana ny *lalána mametra ny fombam-panjakana.* Les constitutions d'un ordre religieux. Ny *lalána, didin'* ny fikambanan-drelijiozy anankiray. 4°—, Toe-batana. Il a une forte —. Tsara *toe-batana,* matanjaka izy. Comme COMPLEXION.

CONSTITUTIONNALITÉ, *sf.* Fifanarahana amy ny lalána mametra ny fombam-panjakana.

CONSTITUTIONNEL, ELLE, *adj.* 1° Feran' ny lalána. Roi —. Mpanjaka *feran' ny laláua.* 2°—, Mifanaraka amy ny laláua mametra ny fombam-panjakana. Cet acte n'est pas —. Tsy *mifanaraka amy ny laláua mametra ny fombam-panjakana* izany. 3°—, Tia ny laláua mametra ny fombam-panjakaua. Le parti —. Ny andaniny *tia* ny *laláua mametra ny fombam-panjakana.*

CONSTITUTIONNELLEMENT, *adv.* Araka ny laláua mametra ny fombam-panjakana.

CONSTRINGENT, ENTE, *adj.* Manampina (fivalanana), fanampenana.

CONSTRUCTEUR, *sm.* Mpanao, mpandrafitra, mpanorina.

CONSTRUCTION, *sf.* 1° Fanaovana, fandrafetana, rafitra, fanorenana, famoronana. La—de ce palais est belle. Tsara ny *nanaovana, nandrafetana* io lapa io. La — de cette machine est très ingénieuse. Mampisoho halalinan-tsaina ny *namoronana* io milina io. 2°—, Trano. On fait de nouvelles constructions. Manorin-*trano* indray. 3°—, Fandaharana, filaharana, fandaminana. La—de cette phrase est vicieuse. Ratsy ny *nandaharana, nandaminana* io fehezan-teny io.

CONSTRUIRE, *va.* 1° Manao, mandrafitra, manorina, mamorona. Il a construit une belle maison. *Nanao, nandrafitra, nanorina* trano tsara izy.— un vaisseau. *Manao, mandrafitra, mamorona* sambo. — un baromètre. *Mamorona* barométra. 2°—, Mandahatra, mandamina.— une phrase. *Mandahatra,* etc., fehezan-teny.

CONSTRUIT, ITE, *p.* 1° Natao, voarafitra, narafitra, voaorina, naorina, miorina, voaforona, noforonina. 2°—, Voalahatra, nalahatra, milahatra, voalamina, nalamina.

CONSUBSTANTIALITÉ, *sf.* Firaisan-tena, firaisam-pomba.

CONSUBSTANTIEL, ELLE, *adj.* Miray tena, miray fomba. Le Fils est — au Père. Ny Zanaka *miray tena,* etc., amy ny Ray.

CONSUBSTANTIELLEMENT, *adv.* Am-piraisam-pomba.

CONSUL, *sm.* Konsily.

CONSULAIRE, *adj.* Any ny konsily.

CONSULAT, *sm.* Raharahan' ny konsily, tranon' ny konsily.

CONSULTANT, *adj. m.* Mpanoro hevitra. Médecin —. Dokotera *mpanoro hevitra.* Avocat —. Mpisolovava *mpanoro hevitra.*

—, *sm.* Mpaka hevitra.

CONSULTATIF, IVE, *adj.* Manolotsaina, manoro hevitra, fakan-kevitra, filan-tsaina. Comité —. Komity *manolotsaina, manoro hevitra.* Il a voix consultative. *Fakan-kevitra, filan-tsaina* izy.

CONSULTATION, *sf.* 1° Fakan-kevitra, filan-tsaina, fiaraha-mandinika. Il y a eu — de trois médecins sur l'état du malade. Nisy dokotera telo lahy *niara-nandinika* ny toetry ny marary. 2° —, Torohevitra. Voici la — du médecin. Inty ny *torohevitry* ny dokotera.

CONSULTER, *va.* 1° Maka hevitra, mila saina. Consultez quelqu'un sur cette affaire. *Maká hevitra, milá saina* amin' olona ny amin' izany raharaha izany. 2° —, Mandinika, mizaha, mitsapa. Consultez l'histoire de l'Église. *Diniho, zahao* ny tantaran' ny Eglizy. Consultez vos forces. *Diniho, zahao, tsapao* ny tanjakao. Il consulte son miroir. *Mizaha* fitaratra izy.

—, *vn.* Miara-mandinika. Les médecins ont consulté sur sa maladie. *Niaranandinika* ny toetry ny aretiny ny dokotera maromaro.

Se consulter, *vpr.* Mandinika, misaina, mieritra, mihevitra. Il se consulte avant de répondre. *Mandinika,* etc., aloha izy vao mamaly.

CONSUMANT, ANTE, *adj.* Mandevona. Un feu —. Afo *mandevona.*

CONSUMÉ, ÉE, *p.* et *adj.* Levona, nolevonina, lany, nolanína, hanina. — de chagrins. *Hanin'* ny alahelo.

CONSUMER, *va.* Mandevona, mandany, homana, mihinana, mankahia. Le feu consuma Sodome et Gomorrhe. Ny afo no *nandevona* any Sodoma sy Gomora. Il consume son bien en débauches. *Mandany* ny hareny amy ny fitondrantena ratsy izy. La rouille consume le fer. Ny harafesina *mandevona, homana* ny vý. La maladie le consume. *Homana, mihinana, mankahia* azy ny aretina.

Se consumer, *vpr.* 1° Hanina. Il se consume d'ennui. *Hanin'* ny fahadisadisana izy 2°—, Mamono tena. Se — sur un travail. *Mamono tena* amy ny raharaha anankiray.

CONTACT, *sm.* 1° Fipahana, fiadiana, fifampikasihana. Le point de —. Izay *ipahana, iadiana, ifampikasihana.* Cette maladie se communique par le—. Mety hifindra izany aretina izany raha *mifampikasika* ny olona. 2° *fig.* Fifanatonana. Fuyez le— des méchants. Aza *manatona* ny ratsy fanahy.

CONTAGIEUX, EUSE, *adj.* 1° Mifindra. Maladie contagieuse. Aretina *mifindra.* 2° *fig.* Mora mifindra. Le vice est —. *Mora mifindra* ny haratsiana.

CONTAGION, *sf.* 1° Fifindran'ny aretina amy ny fifampikasihana na fifanatonana. Ce mal se prend par —. *Mifindra* izany aretina izany raha *mifampikasika na mifanatona* ny olona. 2°—, Areti-mifindra. La — s'est répandue partout. Niely hatraiza hatraiza ny *areti-mifindra.*

CONTAMINÉ, ÉE, *p.* et *adj.* Voaloto, maloto. Ceux qui touchaient les morts étaient contaminés. *Voaloto,* etc., izay nikasika faty.

CONTE, *sm.* Angano, arira, hetsihetsy, lainga. Les contes arabes. Ny *angano* arabo. Ses contes sont amusants. Mampibomehy ny *arira, hetsihetsy* lazainy. Ce qu'il vous dit n'est qu'un —. Izay rehetra lazainy aminao dia *angano,* etc., foana.

CONTEMPLATEUR, TRICE, *s.* Mpibanjina, mpijery, mpandinika, mpisaina, mpieritreritra.

CONTEMPLATIF, IVE, *adj.* Mpandinika, mpisaina, mpieritreritra. Esprit —. Olona *mpandinika,* etc. ‖ *loc.* Il s'adonne à la vie contemplative. Tsy manan-draharaha afa-tsy ny mivavaka izy.

—, *s.* Relijiozy tsy manan-draharaha afatsy ny mivavaka.

CONTEMPLATION, *sf.* Fibanjinana, fijerena, fandinihana, fisainana, fieritreretana.

CONTEMPLER, *va.* Mibanjina, mijery, mandinika, misaina, mieritreritra. — le ciel. *Mibanjina, mijery, mandinika* ny lanitra. — un tableau. *Mijery, mandinika* sary. — la vérité, les choses divines. *Mandinika, misaina, mieritreritra* ny marina, ny zavatra momba an' Andriamanitra.

Se contempler, *vpr.* Mandoka tena. Se — devant un miroir. *Mandoka tena* eo am-pizaham-pitaratra.

CONTEMPORAIN, AINE, *adj.* et *s.* 1° Miara-belona. L'historien Josèphe était — de Jésus-Christ. Josefa mpitantara dia *niara-belona* taminy Jeso-Kristy. 2° —, Momba ny ankehitriny. Histoire contemporaine. Tantaran' ny *ankehitriny.*

CONTEMPTEUR, TRICE, *s.* Mpaneso, mpanebaka, mpanamavo. — de la vertu. *Mpaneso,* etc., ny hatsaram-panahy.

CONTENANCE, *sf.* 1° Habe, erany. Quelle est la — de cette dame-jeanne? Hoatrinona ny *habe, eran'* io damizana io? Sa — est de quinze litres. Ny *habeny* mahalany dimy amby ny folo tavoahangy. Quelle est la — de cet emplacement? Hoatrinona no *haben'* io tokotany io? 2°—, Toetra, fipetraka. Il a une — modeste. Manana *toetra* maotona izy. Il n'a point de —. Tsy mahay *mipetraka* izy. ‖ *loc.* Faire bonne —. Sahy, tsy miholy, tsy matahotra. Perdre —. Vaka, sanganehana.

CONTENANT, ANTE, *adj.* Fasiana.

—, *sm.* Fasiana. Le — est plus grand que le contenu. Ny *fasiana* no lehibe fa tsy tahaka ny ao anatiny.

CONTENIR, *va.* 1° Mahalany, omby, misy. Cette corbeille contient deux mesures de riz. *Mahalany* vary indroan' ny vata io sobika io. Ma maison peut — vingt personnes. *Mahalany, omby* olona roapolo ny tranoko. Le livre contient vingt chapitres. *Misy* toko roapolo ny boky. 2°—, Mitana, mihazona, mahafehy, mandresy, mamolaka. — la fou-

le. *Mitana, mihazona, mahafehy* ny vahoaka. — sa fureur. *Mahatana, mahazona* ny hatezerany. — ses passions. *Mandresy, mamolaka* ny filan-dratsiny.

Se contenir, *vpr.* Mahatam-po, mahatsindry fo, mahafehy tena.

CONTENT, ENTE, *adj.* Faly, afa-po, falifaly, miramirana. Je suis — de mes enfants. *Faly* amy ny zanako aho. Il ne sera — que lorsqu'il vous aura vu. Tsy ho *faly, afa-po* izy raha tsy efa mahita anao. Il a le visage —. *Falifaly, miramirana* ny tarehiny.

CONTENTEMENT, *sm.* Hafaliana, fifaliana, fahafaham-po.

CONTENTER, *va.* Mahafaly, mahafapo, manala fo, mahafa-diana, manaraka. Il contente tout le monde. *Mahafaly* ny olon-drehetra izy. Le peu de bien qu'il a le contente. Ny harena kely ananany *mahafaly. mahafa-po* azy. Il a contenté ses créanciers. *Nanala fo* ny tompon-trosa izy. Je n'ai pu — ma curiosité. Tsy *afa-po. afa-diana* ny masoko. — ses passions. *Manaraka* ny filan-dratsiny. Voy. Satisfaire.

Se contenter, *vpr.* Afa-po, afa-diana, fotsiny. Il faut que je me contente. Tsy maintsy ho *afa-po, afa-diana* aho. Il se contente de peu. Zavatra kely foana dia *mahafa-po* azy. Il s'est contenté de lui donner un soufflet. Namely tehamaina azy *fotsiny* izy.

CONTENTIEUX, EUSE, *adj.* Iadiana, ifandirana, tia ady, — fanditra. C'est une affaire contentieuse. Raharaha *iadiana, ifandirana* izany. Il a l'humeur contentieuse. *Tia ady, —fanditra* izy.

CONTENTION, *sf.* 1° Fiadiana, fifandirana. Il y a matière à —. Misy *iadiana, ifandirana.* 2° —, Firaiketan-tsaina mafy. Une trop forte — peut altérer la santé. Indraindray mankarary ny *firaiketan-tsaina mafy* loatra.

CONTENU, UE, *adj.* Mahatam-po, mahatsindry fo, mahafehy tena.

—, *sm.* Ny ao anatiny. Voy. Contenant.

CONTER, *va.* Mitantara, milaza. Contez-moi ce que vous avez fait. *Tantarao, lazao* amiko izay nataonao. En—. *Milaza* angano, arira, hetsihetsy.

CONTESTABLE, *adj.* Azo toherina, azo lavina. C'est une opinion —. Hevitra *azo toherina,* etc., izany.

CONTESTANT, ANTE, *adj.* et *s.* Mpiady anatrehan'ny mpitsara. Les parties contestantes. Ny *mpiady* roa tonta.

CONTESTATION, *sf.* Ady, fifandirana, fanditra, fifanjihirana, fanjihitra.

CONTESTE, *sf.* Sans —. Tsy misy iadiana, ifandirana.

CONTESTER, *va.* Manohitra, mandá. Il conteste ce qui est évident. *Manohitra. mandá* izay miharihary izy. On lui conteste cette succession. *Lavina* tsy ho azy izany lova izany.

—, *vn.* Miady, mifanditra, mifanjihitra. Il aime à —. Tia *ady, fanditra, fanjihitra* izy.

CONTEUR, EUSE, *s.* Mpitantara, mpilaza angano, — arira, — hetsihetsy, — lainga.

CONTEXTE, *sm.* Ny tena teny, teny mitohy. Ce passage est obscur, parce qu'on l'a isolé du —. Tsy mazava ireo teny ireo, satria nosarahina tamy ny *teny nitohizany.*

CONTEXTURE, *sf.* Filahatra. La — de nos os est admirable. Mahagaga ny *filahatry* ny taolantsika. La — de son discours est parfaite. Lavorary ny *filahatry* ny laha-teniny.

CONTIGU, UË, *adj.* Mikasika, mifampikasika, mipaka. Ma maison est contiguë à la sienne. *Mikasika* ny azy, *mifampikasika, mipaka* amy ny azy ny tranoko.

CONTIGUÏTÉ, *sf.* Fifampikasihana, fipahana.

CONTINENCE, *sf.* Fahadiovam-pitondran-tena.

CONTINENT, ENTE, *adj.* Madio fitondran-tena, mifady fahalotoana. Comme Chaste.

CONTINENT, *sm.* Tany be, kontinenta. L'ancien —. Ny *kontinenta* taloha. Le nouveau —. Ny *kontinenta* vaovao. Le — européen. Ny *kontinenta* Eoropa.

CONTINENTAL, ALE, *adj.* Momba ny kontinenta.

CONTINGENT, *sm.* Anjara. Il a reçu son —. Efa nahazo ny *anjarany* izy. Nous devons fournir cent hommes pour notre —. Tsy maintsy hanolotra olona zato ho *anjarantsika* isika.

CONTINU, UE, *adj.* Mitohy, misesy, sesilany, lavanty, lalandava, mikija, maninjitra, ngarangidina, mipaka. Pluie continue. Ranonorana *mitohy, misesy, sesilany, lavanty, lalandava, mikija.* Il y eut dix ans de guerre continue. Ni-

sy ady nandritra ny folo taona *maninjitra, ngarangidina, mipaka.*

CONTINUATEUR, *sm.* Mpanohy. Voici le — de son ouvrage. Intý ny *mpanohy* ny boky nataony.

CONTINUATION, *sf.* 1° Fanohizana, fitohizana, fisesy, fikija. Il a trouvé beaucoup de difficultés dans la — de ce travail. Sahirana dia sahirana izy tamy ny *fanohizana* izany asa izany. La — des pluies m'empêche de partir. Ny *fitohizana, fisesy, fikijan'* ny ranonorana misakana ahy tsy handeha. 2°—, Tohy. Ceci est la — de l'histoire de France. Itý no *tohin'* ny tantarany Frantsa. C'est la — de la première maladie. *Tohin'* ny aretina teo aloha izany.

CONTINUEL, ELLE, *adj.* Mitohy, misesy, sesilany, lavanty, lalandava, mikija. Les corvées sont continuelles. *Mitohy, misesy, sesilany, lavanty, lalandava* ny fanompoana. Guerre continuelle. Ady *lalandava.*

CONTINUELLEMENT, *adv.* Mandrakariva, lalandava.

CONTINUER, *va.* Manohy. Continuez vos études. *Tohizo* ny fianaranao. Continuez la muraille. *Tohizo* ny ampiantany. Il continua son voyage vers le sud. *Nanohy* ny diany nianatsimo izy. J'ai continué le bail à mon locataire. *Natohiko* ny fampanofan-trano tamy ny mpanofa.

—, *vn.* Mitohy, misesy, manao sesilany, mikija, maharitra, tsy mitsahatra. La pluie continue. *Mitohy,* etc., ny ranonorana. Il continua à parler. *Tsy nitsahatra* niteny izy.

Se continuer, *vpr.* Tohizina, mitohy, mitandavana. Ces montagnes se continuent vers le nord. *Mitandavana* mianavaratra ireo tendrombohitra ireo.

CONTINUITÉ, *sf.* Fitohizana, fitohy, fisesy, fikija, tsy fitsaharana. La — de ce bruit m'importune. Manahirana ahy izany tabataba *tsy mitsahatra* izany.

CONTINÛMENT, *adv.* Tsy ankijanona.

CONTORSION, *sf.* Fanolanolanana, fiolanolana, fivilavila.

CONTOUR, *sm.* 1° Ny manodidina. Le — de Paris. Ny *manodidina* any Parisy. Voy. Circuit. 2°—, Fivalombalona, fiketronketrona, tokotanin-tarehy. Son manteau fait de nombreux contours. *Mivalombalona, miketronketrona* ny kapaotiny. Les contours de son visage sont élégants. Tsara ny *tokotanin-tarehiny.*

CONTOURNÉ, ÉE, *adj.* 1° Miolana, mivadika, mivilavila, mivaona. 2° *fig.* Miboediboedika. Phrase contournée. Fehezan-teny *miboediboedika.*

CONTOURNER, *va.* 1° Manodidina. La rivière contourne mon jardin. Ny renirano *manodidina* ny zardaiko. 2° —, Mampiolana, mampivadika, mampivilavila, mampivaona. La maladie lui a contourné les pieds. Ny aretina *nampiolana, nampivadika* ny tongony. Il contourne ses lèvres en parlant. *Avilavilany* ny vavany raha miteny izy. La chaleur a contourné les planches. Ny hainandro *nampivaona* ny hazo fisaka.

Se contourner, *vpr.* Miolana, mivadika, mivilavila, mivaona. Sa taille se contourne. *Miolana* ny tenany.

CONTRACTANT, ANTE, *adj.* Mifanaiky. Les parties contractantes. Ny andaniny *mifanaiky.*

—, *sm. pl.* Mpifanaiky.

CONTRACTÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Nifanekena. 2° —, Mahazatra. 3° —, Azo. 4° —, Mionkina, mikainkona, mivonkina, miketrona.

CONTRACTER, *va,* 1° Manao fanekena, mifaneky. Les deux États contractèrent une alliance. Ny fanjakana roa tonta *nanao fanekena, nifaneky* hihavana. ‖ *loc.*—des dettes. Mitrosa. 2°—, Mihazatra. Il a contracté l'habitude de boire. *Nihazatra* nisotro izy, *nahazatra* azy ny misotro. 3° —, Mahazo. Il a contracté une grave maladie. *Nahazo* aretina mafy izy. 4° —, Mampionkina, mampikainkona, mampivonkina, mampiketrona. La fureur contracte les muscles du visage. Ny hatezerana *mampiketrona* ny tarehy.

Se contracter, *vpr.* 1° Mahazatra. Le vice se contracte aisément. Mora *mahazatra* ny faharatsiana. 2° —, Mionkina, mikainkona, mivonkina, miketrona. Les muscles se contractent. *Mionkina, mikainkona, mivonkina* ny hozatra.

CONTRACTION, *sf.* Fionkina, fikainkona, fivonkina, fiketrona,

CONTRADICTEUR, *sm.* Mpanohitra.

CONTRADICTION, *sf.* 1° Fanoherana. Son avis fut adopté sans —. Narahina ny heviny fa tsy nisy *mpanohitra.* 2°—, Fifanoherana. Ce qu'il fait est en — avec ce qu'il dit. Ny ataony *mifanohitra* amin' izay lazainy.

CONTRADICTOIRE, *adj.* Mifanohitra. Oui et non sont des termes contradictoires. Ny eny sy ny tsia dia tony *mifanohitra.*

—, *sf.* Hevitra mifanohitra amy ny hafa.

CONTRADICTOIREMENT, *adv.* Mifanohitra.

CONTRAINDRE, *va.* Manery, mamozona, mamoritra, manao terivozona, — terisetra. Il a contraint sa fille à épouser un jeune homme qu'elle n'aimait pas. Izy *nanery*, etc., ny zanany vavy hanambady tovolahy tsy tiany.

Se contraindre, *vpr.* 1° Manery saina, mahafehy tena. 2°—, Sahirankirana.

CONTRAINT, AINTE, *p.* et *adj.* 1° Voatery, noterena, novozonana, noporitina, hery. Il fut—de partir. *Hery* niala izy. 2° Sahirankirana, teritery. Il a une posture contrainte. Mitoetr' olona *sahirankirana* izy. Il est—dans son habit. *Teritery* ny akanjony.

CONTRAINTE, *sf.* 1° Fanerena, famozonana, famoritana, terivozona, terisetra. ‖ *loc.* —par corps. Fisamborana olona. 2°—, Fahasahiranana, tahotra. Il n'y eut pas de—dans cet entretien. Tsy nisy *tahotra* tamin' izany resaka izany.

CONTRAIRE, *adj.* 1° Mifanohitra, manohitra. Le froid et le chaud sont contraires. Ny hatsiaka sy ny hafanana dia *mifanohitra*. Ce que vous faites est — à la loi de Dieu. *Manohitra* ny lalàn' Andriamanitra ny ataonao. 2°—, Mankarary. Cette boisson est— à mon estomac. *Mankarary* ny ambavafoko io fisotro io.

—, *sm.* Zavatra mifanohitra amy ny hafa. Je soutiens le —. Izaho milaza *zavatra mifanohitra amin' izany.*

Au contraire, *loc. adv.* Hafa lavitra.

CONTRAIREMENT, *adv.* Amim-panoherana.

CONTRARIANT, ANTE, *adj.* 1° Manohitra. Vous êtes bien—. *Manohitra* loatra hianao. 2°—, Misakana, manampontsampona, manahirana.

CONTRARIER, *va.* 1° Manohitra. Il me contrarie toujours. *Manohitra* ahy mandrakariva izy. 2°—, Misakana, manampontsampona, manahirana. Il me contrarie dans tous mes desseins. *Misakana, manampontsampona* ahy amy ny zavatra rehetra kasaiko hatao izy. La pluie me contrarie. Ny ranonorana *misakana,* etc., ahy.

Se contrarier, *vpr.* Mifampisakana, mifanampontsampona, mifanahirana.

CONTRARIÉTÉ, *sf.* Fisakanana, sampona, fahasahiranana.

CONTRASTE, *sm.* Fifanoherana.

CONTRASTER, *vn.* Mifanohitra. Sa conduite contraste avec son état. Ny fitondran-tenany *mifanohitra* amy ny toetrany.

CONTRAT, *sm.* Fanekena, taratasy fanekena. Le — a été signé. Voaisy sonia ny *fanekena*, etc.

CONTRAVENTION, *sf.* Fandikana. Il y a eu — à la loi. Nisy *fandikana* ny lalàna.

CONTRE, *prép.* 1° Manohitra, mifanohitra, misakana, manampontsampona, mamely, manehatra, manoha, amy. C'est —la loi. *Manohitra* ny lalàna izany. Etre — quelqu'un. *Manohitra* olona. Parler — sa pensée. Milaza zavatra *mifanohitra* amin' izay ao an-tsainy. Agir — quelqu'un. *Misakana, manampontsampona* olona. Marcher — l'ennemi. Mandroso *hamely* ny fahavalo. Lutter —le vent. *Manehatra* ny rivotra, *manoha* rivotra. Se battre — quelqu'un. Mifamely *amin'* olona. Défendre quelqu'un — les méchants. Miaro olona *amy* ny ratsy fanahy. Les soldats combattirent un — dix. Ny miaramila niady *tamy* ny fahavalo impolo hoatra azy. ‖ *loc.* Parler — quelqu'un. Mifosa, manaratsy olona. Aboyer — quelqu'un. Mivovó olona. 2° —, Na dia... aza. Il a fait cela — l'avis de ses parents. Nanao izany izy *na dia* nomen' ny rainy amandreniny hevitra hafa *aza*. 3° —, Akaiky, anila, amy. Sa maison est — la mienne. *Akaiky, anilan'* ny ahy ny tranony. Appliquez l'échelle — le mur. Apaho *amy* ny rindrina ny tohatra.

—, *sm.* Soutenir le pour et le —. Milaza zavatra mifanohitra.

CONTRE-AMIRAL, *sm.* Manamboninahitra manarakaraka ny *vice-amiral.*

CONTRE-BALANCER, *va.* 1° Mifandanja. Ce poids-ci contre-balance celui-là. Itý vato itý *mifandanja* amin' io. 2° *fig.* Mifandanja, manonitra. Leur puissance a longtemps contre-balancé la sienne. Ny fahefan' izy ireo *nifandanja* tamy ny azy hatry ny ela. Ses qualités contre-balancent ses défauts. Ny hatsaram-panahiny *manonitra* ny hadisoany.

Se contre-balancer, *vpr.* Mifandanja, mifanonitra.

CONTREBANDE, *sf.* 1° Fampidirana entana tsy hitan' ny ladoany. 2° —, Entana tsy nandoavana fadin-tseranana.

CONTREBANDIER,IÈRE,*s.* Mpampiditra entana tsy hitan' ny ladoany.

CONTRE-BASSE, *sf.* Lokangabe.

CONTRE-BATTERIE, *sf.* Baterý atao hanohitra ny any ny fahavalo.

CONTRECARRER, *va.* Manohitra, misakana, manampontsampona.

Se contrecarrer, *vpr.* Mifanohitra, mifampisakana, mifanampontsampona.

CONTRE-CŒUR (À), *loc. adv.* Tsy fidiny. Il travaille à —. Miasa *tsy fidiny* izy.

CONTRE-COUP, *sm.* 1° Do-miverina. La balle a frappé le mur et l' a atteint par —. Ny baolina nidona tamy ny rindrina ka nahavoa azy tamy ny *do-miverina.* 2° *fig.* Fiharana. Les peuples voisins ressentirent le — de cette révolution. *Niharan'* izany fikorontanana izany ny firenena akaiky.

CONTREDANSE, *sf.* Karazan-danisé.

CONTREDIRE, *va.* Manohitra. Ne le contredisez pas. Aza *manohitra* azy.

Se contredire, *vpr.* Mifanohitra, mifanolana. Le témoin s'est contredit. *Nifanohitra*, etc., ny tenin'ilay vavolombelona. Ces deux lois se contredisent. *Mifanohitra* ireo lalána roa ireo.

CONTREDISANT, ANTE, *adj.* Mpanohitra.

CONTREDIT (SANS), *loc. adv.* Tsy azo toherina, tsy azo lavina. Il est sans — le premier. *Tsy azo toherina*, etc., fa voalohany izy.

CONTRÉE, *sf.* Tany, fari-tany. C' est une — fertile. *Tany*, etc., mahavokatra izany.

CONTREFAÇON, *sf.* 1° Fakan-tahaka. 2°—, Zavatra nalain-tahaka.

CONTREFAIRE, *va.* 1° Maka tahaka, mianatra, mody, mangala-tahaka, mangala-tsonia. — la démarche de quelqu' un. *Maka tahaka, mianatra* ny fandehan'olona. — l'insensé. *Mody* adala. — un livre. *Maka tahaka, mangala-tahaka* ny boky nataon'olona. — l'écriture de quelqu'un. *Maka tahaka* ny soratr'olona. — une signature. *Maka tahaka* sonia, *mangala-tsonia*. Voy. Imiter. 2°—, Manova. — sa voix. *Manova* feo.

Se contrefaire, *vpr.* Manova toetra, miova—. Il est habile à se —. Mahay *manova toetra,* etc., izy.

CONTREFAISEUR, *sm.* Mpianatra olona na zavatra.

CONTREFAIT, AITE, *p.* et *adj.* 1° Nalain-tahaka, nianarana. Livre —. Boky *nalain-tahaka.* 2°—, Ratsy toe-batana. Homme—. Olona *ratsy toe-batana.*

CONTREFORT, *sm.* 1° Tohan-drindrina. 2°—, Rambon-tanety.

CONTRE-JOUR, *sm.* Maizimaizina.

À contre-jour, *loc. adv.* Amy ny maizimaizina. Se mettre à —. Mipetraka ao *amy ny maizimaizina.*

CONTRE-LETTRE, *sf.* Taratasy fanekena mangingina manova fanekena hafa.

CONTREMAÎTRE, *sm.* Lefitra mpitandrina ny mpiasa.

CONTREMANDER, *va.* Manova teny, manova hafatra.

CONTREMARCHE, *sf.* Fiverenana ilalana.

CONTREMARQUE, *sf.* Marika fanindroany.

CONTREMARQUER, *va.* Manisy marika fanindroany. — un ballot de marchandises. *Manisy marika fanindroany* amy ny entam-barotra.

CONTRE-MUR, *sm.* Soson-drindrina.

CONTRE-MURER, *va.* Manisy sosondrindrina.

CONTRE-ORDRE, *sm.* Fanovan-teny, fanovan-didy.

CONTRE-PARTIE, *sf.* Hevitra manohitra ny any ny sasany. Il soutient toujours la —. Mandrakariva izy milaza *hevitra manohitra ny any ny sasany.*

CONTRE-PIED, *sm.* Zavatra mifanohitra. Il fait tout le — de ce qu'on lui ordonne. Manao *zavatra mifanohitra* amin' izay andidiana azy izy.

CONTREPOIDS, *sm.* 1° Zavatra mifandanja. Cela servira de — à la caisse. Ity no *hifandanja* amy ny vata. 2° *fig.* Fifandanjana, fanoherana. La crainte de Dieu est un puissant — à nos mauvaises inclinations. Ny fahatahorana an' Andriamanitra no manan-kery lehibe *hanohitra* ny fitongilanan-dratsintsika. Voy. Contre-balancer.

CONTRE-POIL, *sm.* Famohafohazambolo.

À contre-poil, *loc. adv.* 1° Mamohafoha volo. Etriller un cheval à —. *Mamohafoha ny volon*-tsoavaly raha manaborosy azy. 2° *fig.* Prendre quelqu' un à —. Manao izay mahatezitra olona.

CONTREPOISON, *sm.* Fandresena poizina, ody poizina.
CONTRESEING, *sm.* Fanampin-tsonia.
CONTRESENS, *sm.* Hevitra mifanohitra amy ny teny, flovan' ny hevitry ny teny. Il a fait un—. *Nanova ny hevitry ny teny* izy.
A contresens, *loc. adv.* Mifotitra. La dentelle est cousue à—. Voazaitra *mifotitra* ny dantely.
CONTRESIGNER, *va.* Manampy sonia. Contresignez ce papier. *Ampio sonia* ity taratasy ity.
CONTRETEMPS, *sm.* Sampona, fisakanana. Tous ces — sont ennuyeux. Mahasosotra izao *sampona*, etc., izao.
A contretemps, *loc. adv.* Tsy araka ny fotoana, tsy amy ny fotoana. Parler à—. Miteny *tsy araka ny fotoana*, etc.
CONTREVENANT, ANTE, *s.* Mpandika. Les contrevenants payeront une amende. Hampandoavina sazy ny *mpandika.*
CONTREVENIR, *vn.* Mandika.
CONTREVENT, *sm.* Varavaran-kely ivelany.
CONTRIBUABLE, *sm.* Mpandoa hetra.
CONTRIBUER, *vn.* Mandoa vola, manampy. Les habitants d'un pays doivent — aux charges publiques. Ny tompontany tsy maintsy *handoa vola* hanaovana ny raharaham-panjakana. Ce général a grandement contribué à la victoire. Io jeneraly io no *nanampy* dia nanampy mba handresy.
CONTRIBUTION, *sf.* 1° Latsakemboka, latsa-drakitra, hetra, isam-pangady, haba, hajia, fadin-tseranana. Chacun paie une — pour la construction du temple. Isan' olona manao *latsakemboka, latsa-drakitra* hanaovana ny trano fiangonana. Contributions directes. *Hetra, isam-pangady.* Contributions indirectes. *Hajia* (payées aux Seigneurs), *haba* (établies sur les marchandises), *fadin-tseranana* (payées à la douane des divers ports de mer). 2°—, Vola tsy maintsy haloan' ny mponina amy ny fari-tany resy, vola angatahina, fanampiana. Mettre à —, Mampandoa *vola*, mangataka *vola, — fanampiana.*
CONTRISTER, *va.* Mampalahelo, mampahory. Voy. Attrister.
Se contrister, *vpr.* Malahelo, ory.
CONTRIT, ITE, *adj.* Manenina.
CONTRITION, *sf.* Fanenenana. —parfaite. *Fanenenana* lavorary.

CONTRÔLE, *sm.* 1° Fitsapana. Il est chargé du — de la caisse. Izy no voatendry *hitsapa* ny vola ao anaty lalomoara vy. 2°—, Marika fanamarinana. Cette pièce de vaisselle n'a pas le—. Tsy misy *marika fanamarinana* io lovia io. 3° *fig.* Faniniana.
CONTRÔLER, *va.* 1° Mitsapa. Il est chargé de — le monnayage. Izy no voatendry mba *hitsapa* ny farantsa. 2°—, Manisy marika fanamarinana. 3° *fig.* Maniny. Il contrôle ma conduite. *Maniny* ny fitondran-tenako izy.
CONTRÔLEUR, *sm.* 1° Mpitsapa. 2°—, Mpanisy marika fanamarinana.
CONTRÔLEUR, EUSE, *s.* Mpaniny.
CONTROUVÉ, ÉE, *adj.* Tsy marina.
CONTROUVER, *va.* Mamorona zavatra tsy marina.
CONTROVERSE, *sf.* Ady hevitra.
CONTROVERSÉ, ÉE, *adj.* Iadiana, ifanoherana, ifanolanana. C'est une opinion controversée. Hevitra *iadiana*, etc., izany.
CONTROVERSISTE, *sm.* Mpandinika ny hevitra ifanolanana.
CONTUMACE, *sf.* Fandosirana ny fitsarana. Il est en état de —. *Mandositra ny fitsarana* izy.
—, *sm.* Mpandositra ny fitsarana.
CONTUSION, *sf.* Hamanganana.
CONTUSIONNÉ, ÉE, *adj.* Mangana.
CONTUSIONNER, *va.* Manamangana.
CONVAINCANT, ANTE, *adj.* Mampino, mampiaiky, mampanaiky. Votre preuve est convaincante. Ny porofo nataonao dia *mampino*, etc.
CONVAINCRE, *va.* 1° Mampino, mampiaiky, mampanaiky. Il sait — ses auditeurs. Mahay *mampino*, etc., ny mpihaino azy izy. 2°—, Mampiharihary, mamaky betroka, mamaky, mandresy lahatra. Le juge l'a convaincu de vol. Ny mpitsara *nampiharihary* ny halatra nataony, *namaky betroka* azy tamy ny halatra nataony.
Se convaincre, *vpr.* Mahita miharihary. Il s'est convaincu de la vérité de ce que je lui disais. *Hitany miharihary* ny fahamarinan' ny zavatra nolazaiko taminy.
CONVAINCU, UE, *p.* et *adj.* 1° Mahalala miharihary, mino, miaiky, manaiky. 2° —, Naharihary, vaky betroka, vaky, resy lahatra. Il a été — de mensonge. *Vaky* lainga izy. Il a été — du crime dont

on l'accusait. *Vakybetroka, resy lahatra* tamy ny heloka niampangana azy izy.

CONVALESCENCE, *sf.* Fanaretana, fibatsaratsaran' ny marary, fitsiatsia, fiafana (se dit de la fièvre).

CONVALESCENT, ENTE, *adj.* et *s.* Vao avy narary, manaritraritra, mihatsaratsara, mitsiatsia, miafa.

CONVENABLE, *adj.* Tokony, sahaza, antoniny, tandrify, mifanandrify, mifanentana, mifanaraka, mety, tsara. Il a obtenu un emploi —. Nahazo raharaha *tokony, sahaza, antoniny, tandrifin'* azy, *mifanandrify, mifanentana, mifanaraka* aminy izy. Il a obtenu une récompense —. Nahazo valisoa *tokony, sahaza, antonin'* azy izy. Il a une démarche peu —. Tsy *mety* loatra ny fandehany. Il est — de se taire quand un autre parle. *Tokony* hangina, *mety* ny mangina raha misy miteny.

CONVENABLEMENT, *adv.* Araka ny mety.

CONVENANCE, *sf.* 1° Fifanarahana. Il y a entre les époux — de caractère. *Mifanaraka* ny toe-panahin' izy mivady. 2°—, Fetezana, hatsarana, fitiavana. Il y a — à agir ainsi. *Mety* ny manao toy izany. Le jour du rendez-vous est à ma —. *Tsara, tiako* izany fotoana izany. 3° —, *pl.* Ny mety, etc. Comme Bienséance.

CONVENIR, *vn.* 1° Manaiky, miaiky. Convenez que j'ai raison. *Manaiké, miaiké* fa marina ny ahy. 2°—, Mifanaiky, mifanaraka. Les deux armées convinrent d'une trêve de quinze jours. Ny tafika roa tonta *nifanaiky*, etc., mba tsy hiady ao anatin' ny tapa-bolana. 3°—, Tokony, sahaza, antoniny, tandrify, mifanandrify, mifanentana, mifanaraka, mety, tsara, tiana. Cette place me convient. *Tokony, sahaza, antoniny* ahy, *tandrifiko, mifanandrify, mifanaraka* amiko izany raharaha izany. Cet amusement ne convient pas à votre âge. Tsy *mifanentana, mifanaraka* amy ny taonanao io tsilalao io. Il convient d'agir ainsi. *Tokony* hatao izany, *mety, tsara* ny manao izany. Ce fusil me convient. *Tiako* io basy io.

Se convenir, *vpr.* Mifanaraka.

CONVENTICULE, *sm.* Fiokoana.

CONVENTION, *sf.* Fanekena, fifanekena, dina. —écrite. *Fanekena* voasoratra. Faire des conventions. Manao *fanekena.* —sous peine d'amende. *Dina.*

De convention, *loc. adv.* Nifanekena, nifanarahana. Signes de—. Famantarana *nifanekena,* etc.

CONVENTIONNEL, ELLE, *adj.* Nifanekena, nifanarahana. La valeur conventionnelle de la piastre est de cinq francs. *Nifanekena,* etc., ho takalon' ny ariary ny farantsa.

CONVENU, UE, *p.* et *adj.* Nifanekena, nifanarahana. C'est une affaire convenue. Raharaha *nifanekena* izany.

CONVERGENCE, *sf.* Fifanatonana.

CONVERGENT, ENTE, *adj.* Mifanatona. Lignes convergentes. Tsipika *mifanatona.*

CONVERGER, *vn.* Mifanatona.

CONVERSATION, *sf.* Resaka, firesahana. J'aime sa —. Tiako ny *resany,* ny *resaka* ataony. Quel est le sujet de votre—? Inona no *resahina*reo?

CONVERSER, *vn.* Miresaka. Il converse avec votre frère. *Miresaka* amy ny rahalahinao izy, ny rahalahinao no *iresahany.*

CONVERSION, *sf.* 1° Fanovana ho hafa, fiovana ho hafa. 2°—, Fanakalozana. 3°—, Fibebahana, fampibebahana. La — des infidèles. Ny *fibebahan'* ny tsy mpino. ‖ *loc.* — à droite. Manendro havanana. — à gauche. Manendro havia.

CONVERTI, IE, *s.* Mpibebaka.

CONVERTIBLE, *adj.* 1° Azo ovana ho hafa. 2°—, Azo atakalo.

CONVERTIR, *va.* 1° Manova, mampody, mampanjary. Jésus-Christ convertit l'eau en vin. Jeso-Kristy *nanova,* etc., ny rano ho divay. Voy. Changer. 2°—, Manakalo. Il a converti ses pierreries en vaisselle d'argent. *Natakalony* lovia vola ny vatosoany. 3°—, Mampibebaka. — les idolâtres. *Mampibebaka* ny mpanompo sampy.

Se convertir, *vpr.* 1° Tonga, manjary. Le vin s'est converti en vinaigre. Ny divay *tonga, nanjary* vinaingitra. 2°—, Mibebaka. Il s'est converti. *Nibebaka* izy.

CONVERTISSEUR, *sm.* Mpampibebaka.

CONVEXE, *adj.* Mivohitra, mivohon-tsotro, mivohom-pafana. Miroir—. Fitaratra *mivohitra,* etc.

CONVEXITÉ, *sf.* Fivohitra, fivohon-tsotro, fivohom-pafana.

CONVICTION, *sf.* 1° Fahalalana miharihary, finoana, fiekena, fanekena. Voy. Convaincre. 2°—, Vavolombelona, po-

rofo. Cette lettre est une pièce de — qui prouve sa culpabilité. Ity taratasy ity no *vavolombelona*, etc., manamarina fa meloka izy.

CONVIÉ, ÉE, *s.* Ny nasaina.

CONVIER, *va.* 1° Manasa. —à un festin. *Manasa* ho amy ny fihinanam-be. 2°—, Mamporisika, mahate..... On l'a convié à s'y trouver. *Namporisihina* mba ho tonga ao izy. Le beau temps nous convie à la promenade. *Mahate*-hitsangantsangana ny hatsaran' ny andro.

CONVIVE, *s.* Mpiara-mihinana.

CONVOCATION, *sf.* Fanaihana, famoriana, fanangonana, fanaingana.

CONVOI, *sm.* 1° Olona maro manaraka ny faty. 2°—, Zavatra betsaka aterina. Un — de riz fut dirigé vers Tamatave. Vary *betsaka* no *nampanaterina* tany Toamasina.

CONVOITER, *va.* Mitsiriritra. Ne convoitez pas le bien d'autrui. Aza *mitsiriritra* ny zavatr' olona.

CONVOITISE, *sf.* Fitsiriritana.

CONVOLER, *vn.* Manambady.— en secondes noces. *Manambady* fanindroany.

CONVOLVULUS, *sm.* Comme LISERON.

CONVOQUER, *va.* Manaika, mamory, manangona, manainga.— le parlement. *Manaika*, etc., ny parlementa.

CONVULSIF, IVE, *adj.* Mifanintontsintona, mitsikofokofoka.

CONVULSION, *sf.* 1° Fifanintontsintonana, fitsikofokofoka. Il est sujet à des convulsions. Indraindray *mifanintontsintona* ny tenany, *mitsikofokofoka* izy. 2° *fig.* Mitsikofokofoka. Il est mort dans les convulsions de la rage. Maty *nitsikofokofoka* azon' ny haromotana izy. 3°—, *pl.* Fikorontanana. De longues convulsions ont agité cet empire. *Nikorontana* ela izany fanjakana izany.

CONVULSIONNAIRE, *s.* Mararin-javatra.

CONVULSIVEMENT, *adv.* Mifanintontsintona.

COOPÉRATEUR, TRICE, *s.* Mpiaramanao, mpanampy.

COOPÉRATION, *sf.* Fiaraha-manao, fanampiana, firaisana, fikambanana.

COOPÉRER, *vn.* Miara-manao, manampy, miray, mikambana. Il a coopéré à ce travail. *Niara-nanao* izany asa izany, *nanampy, niray, nikambana* tamin' izany asa izany izy.

COORDINATION, *sf.* Fandaharana, filaharana, fandaminana, filaminana.

COORDONNER, *va.* Mandahatra, mandamina. Dieu a coordonné tous les êtres. Andriamanitra *nandahatra*, etc., ny zavatra rehetra.

COPAL, *sm.* Sandarosy.

COPARTAGEANT, ANTE, *adj.* et *s.* Mpiara-mizara, mpisalahy, mpisa.

COPARTAGER, *va.* Miara-mizara, misalahy, misa.

COPEAU, *sm.* Taim-bankona, ovaka.

COPIE, *sf.* 1° Kopia, dika, ny nosoratana. Voici la — du contrat. Ity ny *kopia, dikan'* ny fanekena. Voici la — du premier élève. Inty *ny nosoratan'* ny mpianatra voalohany. 2°—, Sary nalaintahaka, fianarana, fitoviana. Une— tirée sur l'original. *Sary nalain-tahaka* tamin' izay natao voalohany. Cet enfant est la — de son père. *Mitovy* amin-drainy, rainy navela teo io zaza io.

COPIER, *va.* 1° Mikopia, manakopia, mandika soratra. 2° —, Maka tahaka, mianatra. — une statue. *Maka tahaka* sariolona. Il copie en tout son père. *Mianatra* an-drainy izy amy ny zavatra rehetra. —la démarche de quelqu' un. *Mianatra* ny fandehan' olona.

Se copier, *vpr.* Mifampaka tahaka.

COPIEUSEMENT, *adv.* Be, be dia be.

COPIEUX, EUSE, *adj.* Be, be dia be. Faire un repas—. Homam-*be*, etc.

COPISTE, *sm.* 1° Mpikopia, mpanakopia, mpandika soratra. 2°—, Mpaka tahaka. Il s'est fait le—de cet auteur. *Mpaka tahaka* fotsiny io boky io izy.

COPROPRIÉTAIRE, *s.* Mpiombon-javatra.

COPROPRIÉTÉ, *sf.* Fananana iombonana.

COQ, *sm.* 1° Akoholahy. Au chant du—. Maneno *akoho.* 2° *fig.* Zokinjokiny, voalohandohany. Il est le—du village. Izy no *zokinjokiny,* etc., ao an-tanána.

COPULATIF, IVE, *adj.* Mampitohy teny. Conjonction copulative. Teny *mampitohy teny.*

COQ-À-L'ÂNE, *sm.* Resaka miriorio.

COQUE, *sf.* Akorana. —d'œuf. *Akoran'* atody. ‖ *loc.* Mort dans la—. Maty ankaranany. Ce ver à soie commence à faire sa—. Vao manira io landy io. —de navire. Tenaben-tsambo.

COQUELICOT, *sm.* Karazam-boninkazo monamena.

COQUELUCHE, *sf.* Fofoka, koha-davareny.

COQUET, ETTE, *adj.* et *s.* Tia haingo, miraratra, miramatra, miramarama, tehoderaina, mila sitraka.

COQUETTEMENT, *adv.* Amin-kaingo.

COQUETTERIE, *sf.* Fitiavan-kaingo, fararatana, firamatana, firamarama, filandera, filan-tsitraka.

COQUILLAGE, *sm.* Akoran-driaka, akorana.

COQUILLE, *sf.* 1° Akorana. — de mer. *Akoran*-driaka. La — d'un limaçon. Ny *akoran*-tsifotra. 2° *fig.* Rentrer dans sa —. Mihemotra amy ny raharaha, mihemotra. Ne faire que sortir de la—. Tanora fanahy.

COQUIN, INE, *s.* Karilahy, karivavy. karin' olona, karin-javatra, alikan' olona, olon-dratsy, fetsy ratsy. C'est un— fieffé. *Karilahy, karin' olona, karin-javatra, alikan' olona, olon-dratsy, fetsy ratsy* loatra izy. Cet enfant est un petit —. *Karilahy* io zaza kely io.

COQUINERIE, *sf.* Hafetsen-dratsy.

COR, *sm.* 1° Horona. 2°—, Mpitsoka horona. 3°—, Kitron-tongotra.

A cor et à cri, *loc. adv.* Mafy. Demander à — et à cri. Mangataka *mafy*.

CORAIL, *sm.* Harana, haran-dranomasina. La batterie de Tamatave a été construite avec des coraux. Natao tamy ny *haran-dranomasina* ny batery ao Toamasina. || *loc.*. Perle en—rouge. Voahangy.

CORAN, *sm.* Boky misy ny lalány Mahometa.

CORBEAU, *sm.* Goaika, voronkahaka.

CORBEILLE, *sf.* Sobika, harona. || *loc.* Une—de mariage. Fihaingoana ampanaterin' ny lehilahy amin' izay hovadiny.

CORBILLARD, *sm.* Kalesy fitondrampaty.

CORDAGE, *sm.* Mahazakan-tsambo.

CORDE, *sf.* 1° Mahazaka, tady, kofehy. Attacher un bœuf avec une—. Mamatotra omby amy ny *mahazaka*. Danser sur la—. Mandihy ambony *mahazaka*. Attacher des paquets avec une—. Mifehy entana amy ny *tady, kofehy*. Mettre une —à un arc. Manisy *kofehy* tsipika. —de violon. *Tady, kofehin*-dokanga. La—de la cloche est cassée. Tapaka ny *kofehin*-dakolosy. 2°—, Tadimody. Il mérite la—, Mendrika hatao *tadimody* izy. 3° *fig.* Il ne faut point parler de— dans la maison d'un pendu. Tsy tokony hiteny lango imason' ny vary. Toucher la—sensible. Milaza izay mampalahelo na mahafaly indrindra.

CORDEAU, *sm.* Famolaina, tady. Rues tirées au—. Araben-dálana nahitsy tamy ny *famolaina, tady,* araben-dálana tora-*tady*, maty an-*tady*.

CORDER, *va.* Manady, manao mahazaka,— tady. — du chanvre. *Manady* rongony, *manao mahazaka, tady* rongony.

Se corder, *vpr.* Tadina.

CORDERIE, *sf.* Trano fanadiana, trano fanaovana mahazaka.

CORDIAL, ALE, *adj.* 1° Mahatanjaka. Breuvage —. Fisotro *mahatanjaka.* 2° *fig.* Tia tokoa, be fitiavana. Ami—. Sakaiza *tia tokoa.* Il lui fit un accueil—. Nandray azy amim-*pitiavana* izy.

—, *sm.* Fisotro mahatanjaka.

CORDIALEMENT, *adv.* Amim-pitiavana tokoa, amy ny fo tokoa. Il le hait—. Mankahala azy *amy ny fo tokoa* izy.

CORDIALITÉ, *sf.* Fitiavana marina.

CORDIER, *sm.* Mpanady, mpanao na mpivarotra mahazaka, — tady.

CORDON, *sm.* 1° Kofehy. Une corde à trois cordons. Tady misy singan-*kofehy* telo.— de souliers. *Kofehin*-kiraro.— de montre. *Kofehim*-pamantaranandro. 2° —, Fehy, ribá fitondran' ny nahazo lakoraona, tady.—de chapeau. *Fehin*-tsatroka.—ombilical. *Tadim*-poitra. 3°—, Zavatra mitandahatra, fehim-barika, filioro. — de lampions. Jiro *mitandahatra*.

CORDONNER, *va.* Manady, manao kofehy.—de la soie. *Manady, manao kofehy* lasoá.

CORDONNERIE, *sf.* Fanaovana kiraro.

CORDONNET, *sm.* Kofehy.

CORDONNIER, *sm.* Mpanao kiraro.

CORELIGIONNAIRE, *s.* Miray fivavahana.

CORIACE, *adj.* 1° Mafy, maozatra. Viande—, Hena *mafy,* etc. 2° *fig.* Kahihitra.

CORMORAN, *sm.* Karazam-boronandrano.

CORNAC, *sm.* Mpiandry elefanta.

CORNE, *sf.* 1° Tandroka.—de taureau, *Tandrok'* ombalahy.— de limaçon. *Tandro*-tsifotra. 2°—, Kitro. La—de ce cheval est très dure. Mafy *kitro* io soavaly io. 3°—, Fampidiran-kiraro. 4°—, Anjombona. 5°—, Zoro. Chapeau à trois cornes. Satroka telo *zoro*.

CORNÉE, *sf.* Famotsia-maso.

CORNEILLE, *sf.* Vorona ohatry ny goaika.

CORNEMUSE, *sf.* Karazan-java-maneno.

CORNER, *vn.* 1° Mitsoka anjombona. 2°—, Midobodoboka, mibobobobo. Les oreilles me cornent. *Midobodoboka*, etc., ny sofiko.

—, *va.* Mampiely. —une nouvelle. *Mampiely* zava-baovao.

CORNET, *sm.* 1° Anjombona, antsiva, pistó.—à pistons. *Pistó.* 2°—, Mpitsoka anjombona, —pistó. ‖ *loc.* —acoustique. Fihainoana. —à jouer. Fanakorontsanana ny kodiakely.— de papier. Taratasy mihorona.

CORNETTE, *sf.* 1° Karazan-tsatro-behivavy. 2°—, Karazam-paneva kilavalava misama-doha.

CORNICHE, *sf.* Koronosy amy ny loha andry, koronosy, filioro.

CORNICHON, *sm.* 1° Karazam-boantangom-bazaha madinika. 2° *fig.* Zanakalo.

CORNU, UE, *adj.* 1° Manan-tandroka. Bête cornue. Biby *manan-tandroka*. 2° *fig.* Visions cornues. Hevi-dravina, hevi-potsy.

COROLLE, *sf.* Ravim-boninkazo.

CORPORATION, *sf.* Fikambanana.

CORPOREL, ELLE, *adj.* 1° Manambatana. L'homme est un être—. Ny olombelona dia zavatra *manam-batana*. 2° —, Momba ny vatana, —ny nofo. Punition corporelle. Famaizana *ny vatana*. Plaisir—. Fifalian' *ny nofo.*

CORPORELLEMENT, *adv.* Amy ny vatana.

CORPS, *sm.* 1° Vatana, zavatra azo hita,— tsapaina, zavatra mety ho re. Le — humain. Ny *vatan'* olona. ‖ *loc.* Les corps célestes. Ny astra. Prendre du—. Mahazo nofo, mihamatavy. Combattre — à—. Mifampitolona. Saisir un homme à bras le —. Mibeda olona. À son — défendant. Tsy fidiny. Il a fait cela à son—défendant. *Tsy fidiny* azy no nanaovany izany. Gagner sa vie à la sueur de son—. Mitrongy vao homana. Se jeter à — perdu. Manao an-kasahiana, manao vy very. Les juges ont ordonné qu'il serait saisi au—. Nasain' ny mpitsara hosamborina izy. 2°—, Faty. On porte son — au tombeau. Entina halevina ny *fatiny*. 3°—, Tenabe, vatabe, tena. Le —d'un navire. Ny *tenaben*-tsambo. Le—du soleil. Ny *tenaben'* ny masoandro. Le — d'un violon. Ny *vataben*-dokanga. Le — d'un livre. Ny *tena* boky. ‖ *loc.* Le — d'une édifice. Ny rindrin-trano. Grand — de bâtiment. Trano lehibe. Il occupe un petit — de logis. Mitoetra amy ny trano madinika akaikin' ny trano lehibe izy. 4°—, Hamafy, hatevina, hadity, hery, firaiketana mafy. Cette étoffe n'a pas de —. Tsy *mafy, matevina* io lamba io. Cet emplâtre a trop peu de—. Tsy *madity* loatra io kataplasy io. Ce vin n'a pas de—. Tsy *mahery* io divay io. Ces deux branches font— ensemble. *Miraikitra mafy* ireto rantsan-kazo roa ireto. 5° *fig.* Fikambanana, izay rehetra miray raharaha, antoko-miaramila. Ces gens-là ne font point—. Tsy *mikambana* ireo olona ireo. Le parlement y alla en —. *Nikambana* nankany ny parlementa. Il a été reçu dans le—. Efa noraisina ho isan' ny *fikambanana* izy. Le — des avocats. Ny mpisolo vava *rehetra.* — d'armée. *Antoko-miaramila* lehibe. Il est allé rejoindre son—. Lasa nanatona ny *antokony* izy. ‖ *loc.* Établir un — de garde. Mandatsaka mpiambina. Bâtir un —de garde. Manorina trano fiambenana.

CORPULENCE, *sf.* Havaventy, haben' ny vatana.

CORPULENT, ENTE, *adj.* Vaventibe, be vatana. Homme—. Olona *vaventibe,* etc.

CORPUSCULE, *sm.* Zavatra madinika indrindra.

CORRECT, ECTE, *adj.* Mahitsy, tsy misy diso. Phrase correcte. Fehezanteny *mahitsy,* etc.

CORRECTEMENT, *adv.* Mahitsy. Parler—. Miteny *mahitsy.*

CORRECTEUR, *sm.* 1° Mpanala diso, mpanitsy. 2°—, Mpananatra, mpankafay.

CORRECTIF, *sm.* 1° Fanalefahana. Le sucre est le — du citron. Ny siramamy no *mahalefaka* ny voasary. 2° *fig.* Fanalefahana. Cette proposition a besoin d'un—. Tokony *hohalefahina* izany hevitra izany.

CORRECTION, *sf.* 1° Fanalan-diso, fanitsiana, hahitsy. Cela a besoin de—. Tokony *halan-diso, hahitsy* io. Cette épreuve est chargée de corrections. Feno *fanalan-diso* ity porofo ity. Il parle avec une grande—. *Mahitsy* dia mahitsy ny fiteniny. 2°—, Fananarana, famaizana. Douce—. *Fananarana* malemy. Il a subi la—. Efa *nofaizina* izy. ‖ *loc.* Maison de—. Tranomaizina.

CORRECTIONNEL, ELLE, *adj.* Momba ny heloka madinika. Tribunal de police correctionnelle. Fitsarana *momba ny heloka madinika.*

CORRÉLATIF, IVE, *adj.* Mifamaly.

CORRÉLATION, *sf.* Fifamaliana. Les termes de père et de fils emportent—. *Mifamaly* ny teny hoe, ray sy zanaka.

CORRESPONDANCE, *sf.* 1° Fifampitondran-taratasy. Je suis en — avec lui. *Mifampitondra taratasy* aminy aho. 2°—, Taratasy ampitondraina. J'ai lu ma —. Efa voavakiko ny *taratasy nampitondrain'* ny olona ahy. 3°—, Fifampitondrana zavatra. Ce marchand a des correspondances en France. Io mpivarotra io *mifampitondra zavatra* amin' olona any Frantsa. 4°—, Fifamaliana, fifanarahana. Il y a entre eux une parfaite — d'idées. *Mifanaraka* indrindra ny hevitr' izy ireo.

CORRESPONDANT, ANTE, *adj.* Mifamaly, mifanandrify. Angles correspondants. Zoro *mifamaly,* etc.

—, *sm.* Mpifampitondra zavatra, masoivoho.

CORRESPONDRE, *vn.* 1° Mifampitondra taratasy na zavatra. 2°—, Mifamaly, mifanandrify, mitohy, mifanaraka. Ma chambre correspond à la sienne. *Mitohy* amy ny azy ny efi-tranoko. Tout correspond à ses désirs. *Mifanaraka* amy ny iriny ny zavatra rehetra.

Se correspondre, *vpr.* 1° Mifampitondra taratasy na zavatra. 2°—, Mifamaly, mifanandrify, mitohy, mifanaraka.

CORRIDOR, *sm.* Lálana mankamy ny efi-trano maro, lálan-tsara.

CORRIGÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Voaladiso, nalan-diso, afa-diso, voahitsy, nahitsy. 2°—, Voanatra, nanarina, voafay, nofaizina.

CORRIGER, *va.* 1° Manala diso, manitsy. —une copie. *Manala* diso kopia anankiray. —un livre. *Manitsy* boky. 2°—, Mananatra, mankafay, mampiova, mampitsahatra. Ce père sait bien — ses enfants. Mahay *mananatra, mankafay* tsara ny zanany io rainy io. Corrigez cette humeur violente. *Ovao, atsaharo* izany hasarotam-po izany. 3°—, Manalefaka.— l'acidité du citron avec du sucre. *Manalefaka* ny harikivin' ny voasary amy ny siramamy.

Se corriger, *vpr.* 1° Miova ho tsara, mihatsara. 2°—, Lefahina, mihamalefaka.

CORRIGIBLE, *adj.* Azo anarina. Cet enfant n'est pas—. Tsy *azo anarina* io zaza kely io.

CORROBORANT, ANTE, *adj.* Mahatanjaka.

—, *sm.* Zavatra mahatanjaka.

CORROBORATIF, IVE, *adj.* Manamafy teny.

CORROBORER, *va.* 1° Mahatanjaka. Le vin corrobore l'estomac. *Mahatanjaka* ny ambavafó ny divay. 2° *fig.* Manamafy. Ce que vous dites corrobore ma thèse. *Manamafy* ny hevitra naposako izany lazainao izany.

CORRODER, *va.* Homana, mandoro. La rouille corrode le fer. *Homana* ny vy ny harafesina.

CORROMPRE, *va.* 1° Mahaló, mandó, manimba. La chaleur corrompt la viande. *Mahaló, mandó* ny hena ny hafanana. Les miasmes corrompent l'air. *Manimba* ny rivotra ny foFon-dratsy. 2° *fig.* Manimba, manangoly, manera, manangy, manisika. Les mauvaises compagnies corrompent l'esprit. Ny naman-dratsy *manimba* ny fanahy. —les juges par des présents. *Manisika* ny mpitsara. 3°—, Manova. —le sens d'un texte. *Manova* ny hevitry ny teny.

Se corrompre, *vpr.* 1° Mihaló, mihasimba, simba. 2° *fig.* Mihasimba. 3°—, Miova.

CORROMPU, UE, *p.* et *adj.* 1° Lo, simba, nosimbana. 2° *fig.* Voangoly, nangolena, voaera, neraina, voatangy, notangina, voasisika, nosisihana. 3°—, Voaova, novana, niova.

CORROSIF, IVE, *adj.* Mandoro.

—, *sm.* Fanafody mandoro.

CORROYER, *va.* Mandon-koditra.

CORROYEUR, *sm.* Mpandon-koditra.

CORRUPTEUR, TRICE, *s.* et *adj.* Mpanimba, mpanangoly, mpanera, mpanangy, mpanisika.

CORRUPTIBILITÉ, *sf.* Fetezana ho lo, —ho levona.

CORRUPTIBLE, *adj.* 1° Mety ho lo, —ho levona. Tous les corps sont corruptibles. *Mety ho lo* rahefa mety ho vatana, *mety ho levona* ny zavatra rehetra hita maso. 2° *fig.* Azo angolena, —sisihana. Voy. INCORRUPTIBLE.

CORRUPTION, *sf.* 1° Fahalovana, halo, fahalevonana. 2° *fig.* Faharatsiana. La — des mœurs dépasse toute mesure. Efa mihoa-pampana ny *faharatsian'* ny fitondran-tenan' ny olona. 3°—, Fanim-

bana, fanangolena, fancrana, fanangiana, fanisihana. Ce juge est à l'abri de toute—. Tsy azo *angolena, sisihana* io mpitsara io. 4° —, Fiovana. Il y a — dans ce texte. *Niova* ireo teny ireo.

CORSAGE, *sm.* Tenan' akanjo. Le — d'une robe. Ny *tenan*-jipo.

CORSAIRE, *sm.* 1° Jiolahin-tsambo. 2° *fig.* Olo-masiaka, —tsy mifaditrovana.

CORSÉ, ÉE, *adj.* Mafy, matevina, mahery. Etoffe corsée. Lamba *mafy, matevina.* Vin—. Divay *mahery.*

CORSELET, *sm.* Tratra. Le — d'une guêpe. Ny *tratran*-takolapanenitra.

CORSET, *sm.* Fitizy.

CORSETIER, IÈRE, *s.* Mpivaro-pitizy.

CORTÈGE, *sm.* 1° Mpanaraka maro. La reine était suivie d'un nombreux—. Betsaka ny *mpanaraka* andriana. Il était suivi d'un — d'enfants. *Nanaraka* azy ny ankizy madinika. 2° *fig.* Momba, vadin-koditra. Les infirmités sont le — de la vieillesse. *Mpomba*, etc., ny fahanterana ny aretina.

CORVÉABLE, *adj.* et *sm.* Azo ampanaovina fanompoana.

CORVÉE, *sf.* 1° Fanompoana. J'ai fini ma—. Vita ny *fanompoako.* 2° *fig.* Raharaha manahirana. Exemptez moi de cette—. Aoka mba tsy hanao izany *raharaha manahirana* izany aho.

CORVETTE, *sf.* Sambo mpiady madinika.

CORYPHÉE, *sm.* 1° Mpitarika ny mpihira amy ny teatra. 2° *fig.* Tampondoha, voalohany.

COSMÉTIQUE, *adj.* et *sm.* Zavatra mahatsara ny hoditr'olona, — ny volondoha, etc.

COSMOGONIE, *sf.* Fampianarana momba ny niforonan' izao tontolo izao.

COSMOGRAPHIE, *sf.* Fahaizana momba ny toetra sy ny fihetsehan' izao tontolo izao.

COSMOPOLITE, *adj.* et *sm.* Mpitety an' izao tontolo izao.

COSSE, *sf.* Hodi-boan-javatra. —de pois. *Hodi*-pitipoa. || *loc.* Riz en—. Akotry.

COSSU, UE, *adj.* Mpanan-karena, komohina, mpanefoefo, trema, manontany ny ory. C'est un homme—. Lehilahy *mpanan-karena*, etc., izy.

COSTAL, ALE, *adj.* Amy ny tehezana. Nerfs costaux. Hozatra *amy ny tehezana.*

COSTUME, *sm.* 1° Fitafiana. Le — malgache est différent du costume européen. Samihafa amy ny any ny eoropeana ny *fitafian*'ny malagasy. 2°—, Fanamiana. Le capitaine était en—. Nanao *fanamiana* ny kapiteny.

COSTUMER, *va.* Mampitafy, mampiakanjo.

Se costumer, *vpr.* 1° Manao fitafiana, — akanjo. Il s'est costumé en militaire. *Nanao fitafiana, akanjon'* ny miaramila izy. 2° —, Manamy

COTE, *sf.* 1° Isa, marika. Cette pièce est sous la—B. Ao amy ny *marika* B izany taratasy izany. 2°—, Vidin-javatra voafetra. 3° —, Latsakemboka, hetra. Payez votre—. Aloavy ny *latsakembokao, hetranao.* || *loc.* — personnelle. Vidin' aina, isan' aina.

CÔTE, *sf.* 1° Taolan-tehezana. Il a une— cassée. Tapaka ny *taolan-tehezany* anankiray. 2°—, Kira. La—d'une feuille. Ny *kiran*-dravinkazo. 3°—, Kisolosolo. —fertile. *Kisolosolo* mahavokatra. —rude. *Kisolosolo* sarotra iakarana. A mi-côte. Antenatenan-*kisolosolo.* 4°—, Moron-dranomasina, moron-tsiraka. Le vent a jeté le navire à la—. Nafefiky ny rivotra ao *amoron-dranomasina* ny sambo. Les habitants des côtes. Ny mponina any *amoron-tsiraka.*

Côte-à-côte, *loc. adv.* Anindrana. Marcher—. *Mifanindrana.*

CÔTÉ, *sm.* 1° Lanimandry, lanivoa, tehezana. Il est blessé au—. Maratra ao amy ny *lanimandriny*, etc., izy. Un soldat perça le—de Jésus-Christ. Nisy miaramila anankiray nandefona ny *tehezany* Jeso-Kristy. || *loc.* Point de—. Tevika. Avoir un fort point de—gênant la respiration. Mitroaka. 2°—, Ila, indrany, lafy, andaniny. Il porte un sabre au—gauche. Misy sabatra amy ny *ilany* havia. Je dors sur le — droit. Mandry amy ny *ilako* havanana aho. J'étais à son côté. Tao *anilany, anindrany* aho. Il y a une fontaine de chaque—de l'édifice. Misy fantsakana ao amy ny *lafy* roan' ny trano. Les côtés d'un navire. Ny *ila, lafy* roan' ny sambo. Il habite de l'autre —du fleuve. Monina eny an-*dafy*, ampitan' ny ony izy. De l'autre—de la vallée. Eny an-*dafy*, am-pitan' ny lohasaha. Couchez-vous du—du sud. Mandria hianao ao amy ny *ilany, lafiny* atsimo. Ce—de la montagne est plus fertile que celui du nord. Ity *ila* tendrombohitra

ity mahavokatra kokoa noho ny *ilany, lafiny* avaratra. Mettez-vous de l'autre —de la table. Mipetraha hianao etsy amy ny *lafin*-databatra ilany. Les deux côtés d'un tableau. Ny *lafy* roan' ny sary. Mettez cette étoffe du bon —. Asehoy ny *lafy* tsaran' io lamba io. Il compte des ancêtres illustres du — paternel. Maro olomalaza amy ny *lafin*-drainy izy. Il ne considère qu'un —de l'affaire. Tsy mandinika afa-tsy ny *ila* raharaha izy. Les ennemis nous attaquèrent des deux côtés. Namely anaỳ avy tao *anindrany, andaniny* roa ny fahavalo. Se ranger du —de.... *Miandany*. Il s'est rangé du—du grand nombre. *Niandany* tamy ny be sy ny maro izy. || *loc.* Se coucher sur le —. Mandry mihorirana. Mettre un navire sur le—. Mampihoriran-tsambo. De l' autre —de la montagne. An-koatra, ambadiky ny tendrombohitra. De côté et d' autre, de tout côté. Atsý arý, hatraiza hatraiza. Les oiseaux se dispersèrent de — et d'autre, de tout—. Niparitaka *tatsý arý, hatraiza hatraiza* ny vorona. Aller de — et d'autre. *Mankatsý mankarý*, mivezivezy, miriorio. De quel —. Aiza, izay.... De quel —allez-vous ? *Aiza* no halehanao? De quel —se trouve Ambohimanga? *Aiza* Ambohimanga? Voyez de quel — vient le vent. Zahao *izay* ihavian' ny rivotra; *fig.* diniho *izay* tokony hatao. Il ne sait plus de quel — se tourner. Very hevitra, sanganehana, vaka izy. De quelque — que.... Na aiza na aiza. De quelque — que vous alliez. *Na aiza na aiza* halehanao. Le — faible. Ny tsiny. Son — faible est l'amour des louanges. Ny *tsininy* dia izy tia dera. Je vais de mon —, prendre une autre mesure. Izaho kosa hanao zavatra hafa. Je n'ai rien à craindre de ce —. Tsy misy hatahorako ny amin' izany

À côté, *loc. prép.* et *adv.* Anila, ankila, anindrany. Ma maison est à — de la sienne. *Anila, ankilan'* ny azy ny tranoko. Se mettre à — de quelqu'un. Mipetraka ao *anilan'* olona, *mifanindrana* amin' olona. || *loc.* Prenez un peu à —. Misompirána kely. Il passe à — de la difficulté. Lalovany ny zava-tsarotra.

De côté, *loc. adv.* Anila. Se mettre de —. *Milanila.* || *loc.* Mettez ce fauteuil de—. Ahataho io sezabe io. Mettre de l'argent de—. Mitahiry vola. Mettre une personne de—. Mandao, manary olona. Laisser une affaire de—. Mamela raharaha. Regarder de—. Mangarika. Aller de—. Misompirana, mibirioka. Le clou est entré de—. *Nisompirana, nibirioka* ny fiditry ny fantsika.

COTEAU, *sm.* Kisolosolo, tanety. — planté de vignes. *Kisolosolo* voavoly voaloboka. Sur le haut du—. Any antampon' ny *tanety*.

CÔTELETTE, *sf.* Tehezan'ondry na kisoa na zanak'omby, etc.

COTER, *va.* 1° Manisy isa, — marika. — les pièces d'un procès. *Manisy isa*, etc., ny taratasy momba ny ady iray. 2°—, Manendry vidin-javatra. — le prix d'une marchandise. *Manendry vidim*barotra.

COTERIE, *sf.* Mpanao tsikombakomba.

COTHURNE, *sm.* 1° Baotina lava fitondran' ny mpanao teatra taloha. 2° *fig.* Chausser le—. Mamorona na manào teatra; manao laha-teny be renty loatra.

CÔTIER, IÈRE, *adj.* Manara-tsisina, an-tsisin-dranomasina. Un bateau —. Sambo *manara-tsisina*. Pilote—. Mpitari-dalan-tsambo eny *an-tsisin-dranomasina.*

—, *sm.* Mpitari-dalan-tsambo eny an-tsisin-dranomasina.

COTILLON, *sm.* Zipo tapaka.

COTISATION, *sf.* 1° Fitetehana latsakemboka, fanaovana latsakemboka, — latsa-drakitra. 2°—, Latsakemboka, latsa-drakitra.

COTISER, *va.* Mitetika latsakemboka. On l'a cotisé à un franc. Iraimbilanja no *latsakemboka voatetika* haloany.

Se cotiser, *vpr.* Manao latsakemboka, — latsa-drakitra.

COTON, *sm.* 1° Landihazo. Filer du — Mamoly *landihazo*. Couverture de—. Bodofotsy *landihazo*. 2°—, Volovolonjava-maniry. 3° *fig.* Élever un enfant dans du—. Mampihanta zaza loatra.

COTONNADE, *sf.* Soga, lamba atao amy ny landihazo.

COTONNER, *vn.* Be volo. Cette étoffe cotonne. *Be volo* izany lamba izany.

Se cotonner, *vpr.* Be volo, volovoloina.

COTONNEUX, EUSE, *adj.* Volovoloina. Tige cotonnneuse. Tahon-kazo *volovoloina*. Pêches cotonneuses. Paiso *volovoloina*.

COTONNIER, *sm.* Foto-dandihazo.

COTONNIER, IÈRE, *adj.* Momba ny landihazo. L'industrie cotonnière a grandement progressé en Amérique. Nitom-

bo be ny taozavatra atao amy ny *landihazo* any Amerika.

CÔTOYER, *va.* 1° Mifanindrana. —quelqu'un. *Mifanindrana* amin'olona. 2°—, Manara-tsisina. Le navire côtoyait le rivage. *Nanara-tsisina* ny sambo.

Se côtoyer, *vpr.* Mifanindrana.

COTTE, *sf.* —de mailles. Akanjo vy.

COU, *sm.* Vozona, tenda. Entrer dans l'eau jusqu'au—. Mitsobo-drano *havozona*, ha*tenda*. Porter au — un collier de perles. *Miambozom*-bakana. Se jeter au—de quelqu'un. Miantsampy amy ny *vozon'* olona. — d'une bouteille. *Vozon*-tavoahangy. ‖ *loc.* Couper le— à quelqu'un. Manapa-doha olona.

COUARD, ARDE, *adj.* et *sm.* Kanosa, osatay.

COUARDISE, *sf.* Hahosana.

COUCHANT, ANTE, *adj.* Mandady, milentika. Chien—. Alika *mandady; fig.* olona *mandady*, mamitsaka. Il arriva au soleil—. *Nilentika* ny masoandro no tonga izy.

—, *sm.* 1° Andrefana. 2° *fig.* Il est à son —. Mihantitra izy, mihena ny fahaizany.

COUCHE, *sf.* 1° Fandriana, farafara. 2°—, Fiterahana. Ses couches ont été heureuses. *Niteraka* soa aman-tsara izy. ‖ *loc.* Attendre ses couches. Miandry volana, miandry vohoka. Fausse—. Fahafahan-jaza. Sous les rizières se trouve une forte—de tourbe. Any ambanin' ny tanimbary misy fompotra betsaka. Mettez une—de sel sur la peau du bœuf. Safory sira ny hodit'omby. Mettez trois couches de mortier au mur. Lalòry intelo ny rindrina. Donner trois couches de blanc. Manoso-doko fotsy intelo.

COUCHÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Mandry, nampandrina, namparina, miampatra. Saint Laurent fut—sur un gril. *Nampandrina, namparina* teo ambonin'ny salazam-by Md. Laurent. 2°—, Mandamaka, nalamaka, nahosotra. 3°—, Tafalentika, nilentika, maty, tafasoka, nisoka.

COUCHER, *va.* 1° Mampandry, manampatra. Couchez cette statue par terre. *Ampandrio* amy ny tany io sariolona io. —un enfant. *Mampandry* zaza. —son écriture. *Mampandry* soratra. 2°—, Mandamaka, manosotra. Le vent a couché le riz. *Nalamaky* ny rivotra ny vary. —une couleur. *Manoso*-doko. 3° *fig.* —quelqu'un par terre. Mahafaty olona. —quelqu'un en joue. Mikendry olona amy ny basy. —par écrit. Mandatsaka an-tsoratra, manoratra.

—, *vn.* Mandry. —sur le dos. *Mandry* mitsilany. —sur le flanc. *Mandry* mihorirana. —sur le ventre. *Mandry* manankohoka. Couchez chez moi cette nuit. *Mandria* atý amiko anio alina. —à la belle étoile. *Mandry* alatrano, an-tsaha. Aller—où l'on peut comme un pauvre. *Mandry* fe-hariva.

Se coucher, *vpr.* 1° Mandry, miampatra, mivalandótra. Il s'est couché sans manger. *Nandry* fotsy, *nandry* tsy nihinana izy. Se—de tout son long. *Mivalandótra.* 2°—, Milentika, maty, misoka. Le soleil s'est couché à six heures. *Nilentika, maty* tamy ny enina ny masoandro. La lune s'est couchée à minuit. *Nilentika, nisoka* tamy ny misasaka alina ny volana.

COUCHER, *sm.* 1° Fandriana. C'est l'heure de son—. Izao no fotoana *fandriany.* Il ne paya rien pour son—. Tamy ny *nandriany* tao tsy nandoa na inona na inona izy. J'ai eu un bon—. Nahazo *fandriana* tsara aho. 2°—, Filentehana, fisohana. Il est arrivé au—du soleil. *Nilentika* ny masoandro, *maty* masoandro no tonga izy.

COUCHETTE, *sf.* Fandriana kely, farafara kely.

COUCHEUR, EUSE, *s.* 1° Mpiray fandriana. 2° *fig.* Mauvais—. Olona sarotsarotiny, mpila tonony, mpifanjihitra.

COUCI-COUCI, *adv.* Fe, mosalahy. Travailler —. Miasa *fe* miasa, manao *mosalahy.*

COUCOU, *sm.* Toloho.

COUDE, *sm.* 1° Kiho. S'appuyer sur le—. Mitehina amy ny *kiho.* 2°—, Kihon-dalana. Plus loin le chemin forme un—. Rahefa lavidavitra kokoa dia misy *kihon-dalana.*

COUDÉE, *sf.* 1° Hakiho. Cette canne a trois coudées de long. Misy telo *hakiho* ny halavan'io tehina io. 2° *fig.* Avoir ses coudées franches. Tsy teritery, mahazo manaram-po.

COU-DE-PIED, *sm.* Hato-tongotra.

COUDER, *va.* Manisy kiho. —une barre de fer. *Manisy kiho* anja-by.

Se couder, *vpr.* Manao ohatry ny kiho.

COUDOYER, *va.* Manakiho.

Se coudoyer, *vpr.* Mifanakiho.

COUDRE, *va.* 1° Manjaitra, mamitrana.

— du linge. *Manjaitra* lamba. — ensemble deux pièces d'étoffe. *Mamitran*-damba. — deux pièces de natte pour en faire une seule. *Mamitran*-tsihy. 2° *fig.* Manakambana. — ensemble divers textes. *Manakambana* teny samihafa nalaina tamy ny boky.

COUDRIER, *sm.* Comme NOISETIER.

COUENNE, *sf.* Hodi-kisoa.

COUENNEUX, EUSE, *adj.* Angine couenneuse. Aretin-tenda mahafaty, sominda.

COULAGE, *sm.* 1° Fitsíka, fanamika. Le — d'une pièce de vin. Ny *fitsíka, fanamiky* ny divay amy ny barika. 2° —, Fanidinana metaly, fandrendrehana. Le — de ce canon a été mal fait. Ratsy ny *nanidinana* ity tafondro ity, ratsy *rendrika* ity tafondro ity.

COULAMMENT, *adv.* Mizotra, misononóka, mijojo. Il parle—. *Mizotra*, etc., ny fiteniny.

COULANT, ANTE, *adj.* 1° Mizotra. Cette encre est bien coulante. *Mizotra* tsara itý ranomainty itý. Nœud —. Voy. NŒUD. 2° *fig.* Mizotra, misononóka, mijojo. Il a un style —. *Mizotra*, etc., ny laha-teniny. 3° —, Mora ifanarahana. Il est — en affaires. *Mora ifanarahana* amy ny raharaha izy. Comme ACCOMMODANT.

COULÉE, *sf.* 1° Fivalana. La — des laves est allée jusqu'à la mer. *Nivalana* hatrany amy ny ranomasina ny taim-bolkana. 2° —, Fanidinana. Comme COULAGE.

COULER, *vn.* 1° Mandeha, mivalana, mizotra, mitsororóka, mirotsaka, mikoriana, miteté, manorika, mikararána, misononóka, mimaona, mitsíka, manamika, mitsononóka. La rivière coule vers le nord. *Mandeha, mivalana, mizotra* mianavaratra ny renirano. Le sang coule dans les veines. *Mandeha* amy ny hoza-dra ny ra. L'eau coule du sommet de la montagne. *Mitsororóka, mirotsaka, mikoriana* avy any an-tampon'ny tendrombohitra ny rano. Les larmes coulent de ses yeux. *Mitsororóka, mirotsaka, miteté* ny ranomasony. L'eau coule le long du rocher, le long du mur. *Manorika* amy ny vatolampy, amy ny rindrina ny rano. La chandelle coule. *Mitsororóka, manorika* ny labozý. Le vin coule du tonneau. *Mikararána* ny divay amy ny baríka. Le fleuve coule lentement à travers la plaine. Ny ony *misononóka* mamaky ny tany lemaka. La rivière gonflée par les pluies, coule rapidement. *Mimaona* ny renirano azon' ny ranonorana. La barrique coule. *Miteté, mitsika, manamika* ny baríka. La sueur coule de son front. *Mitsororóka, miteté, manorika, mitsononóka* ny tsemboka amy ny handriny. 2°—, Mikorotsaka, mikororosy, mikorisa, mitsaitsaika. Il saisit la corde et se laissa —. Niantsampy tamy ny tady izy ka *nikorotsaka*. Une tuile coula d'un toit et lui tomba sur la tête. Nisy tanimanga *nikorotsaka, nikororosy, nikorisa* avy any an-tafon-trano ka nahavoa ny lohany. Il coula le long de la haie. *Nitsaitsaika* nanaraka ny fefy izy. 3° —, Milentika, rendrika. Le navire coula à fond. *Nilentika*, etc., ny sambo. 4°—, Tsy vanona. La vigne a coulé. *Tsy vanona* ny voaloboka. 5° *fig.* Mizotra, misononóka, mijojo, mandalo, mihelina. Ses phrases coulent bien. *Mizotra, misononóka, mijojo* tsara ny laha-teniny. Les jours coulent rapidement. *Mandalo* haingana, *mihelina* ny andro. L'historien coule sur ce fait. *Mandalo* haingana amin' izany zavatra izany ny mpitantara.

—, *va.* 1° Manatantavana. Voici le linge pour — la liqueur. Indro ny lamba *hanatantavanana* ny lalikera. 2°—, Manisika. Il lui coula une piastre dans la main. *Nanisika* vola farantsa tao an-tanany izy. 3°—, Manidina, mandentika, mandrendrika. — la lessive. *Manidina* ranondavenona amy ny lamba. — un canon. *Manidina, mandrendrika* tafondro. — un navire. *Mandentika, mandrendrika* sambo. 4° *fig.* Mandany. — ses jours dans le repos. *Mandany* andro amy ny fiadanana. 5°—, Manala baraka, mampahalany harena, mandresy lahatra. — quelqu'un dans la discussion. *Mandresy lahatra* olona amy ny ady hevitra.

Se couler, *vpr.* 1° Mitsaitsaika, misisika. Je me coulai le long de la muraille. *Nitsaitsàika* nanaraka ny rindrina aho. Il s'est coulé dans la presse. *Nisisika* tao anaty vahoaka izy. 2° *fig.* Afabaraka, lany harena, resy lahatra. Il s'est coulé dans cette affaire. *Afa-baraka, lany harena* tamin' izany raharaha izany izy.

COULEUR, *sf.* 1° Volo, soratra, endrika. La — d'un fruit. Ny *volon'* ny voankazo. Ces bœufs ont la même—. Mitovy *volo* ireo omby ireo. Étoffe de diver-

ses couleurs. Lamba *misoratsoratra.* Le caméléon change de —. Miova *volo, soratra* ny tana. Le malade a repris ses couleurs. Nody ny *endriky* ny marary. Il entendit son arrêt sans changer de—. Tsy niova *endrika* akory izy, raha nahare ny fanamelohana azy. || *loc.* Les hommes de—. Ny olona zafindraony, ny kiriolona. 2°—, Loko. Mélangez bien ces couleurs. Ampifangaroy tsara ireo *loko* ireo. 3° *fig.* Fisehoana. Il sait revêtir le mensonge des couleurs de la vérité. Mahay *mampiseho* ny lainga hoatry ny marina izy. 4°—, Foto-kevitra. La — de ce journal est encore indécise. Mbola tsy mazava ny *foto-kevitr'*io gazety io. 5°—, Haingo, renty. Style sans —. Laha-teny tsy misy *haingony,* etc.

COULEUVRE, *sf.* 1° Karazam-bibilava toy ny bibimora, — mandotra, — tompondrano. 2° *fig.* Avaler des couleuvres. Mandefitra fanesoana.

COULISSE, *sf.* 1° Lenta. 2°—, Varavarana mikorisa amy ny lenta. 3°—, Takon-kenatra amy ny teatra.

COULOIR, *sm.* Lalana mankamy ny efi-trano.

COUP, *sm.* 1° Dona, fandona, fidona, fikapana, vely, famelesana. kapoka, fikapohana, fitorahana, fahavoazana, fipoaka, fikotroka, feo, ratra. Donner un—de coude à quelqu' un. Mamely *don*-kiho olona. Frapper trois coups à une porte. *Mandona* varavarana intelo. Il s'est donné un grand—contre la muraille. *Nidona* mafy tamy ny rindrina izy. Il lui asséna un — de hache sur la tête. *Nokapainy* famaky ny lohany. Frapper quelqu'un à coups redoublés. Manao *vely* kary, *kapok'* omby, *kapo*-tandrimo olona. Il tua l'oiseau d'un—de pierre. *Tora*-bato no nahafatesany ny vorona. Il eut un—dans le bras. *Voa* tamy ny sandriny izy. Il a manqué son—. Tsy *nahavoa* izy; *fig.* tsy nahatanteraka, tsy nahomby, tsy nahazo izy. Nous entendîmes un—de canon. Nandre tafondro *nipoaka* izahay. Quelques coups de tonnerre se faisaient entendre. Nisy varatra *nikotroka* indraindray. J'entends les coups du tambour. Mahare *feon*-dangorony aho. Il est tout couvert de coups. Tsy misy itomboham-pilo ny tenany noho ny *kapoka,* ny *ratra* || *loc.*—de poing. Totohondry, fetrika. Donner un—de poing à quelqu'un. Mamely *totohondry, mametrika* olona. —de pied. Diamanga, daka. Donner un—de pied à quelqu'un. Mamely *diamanga, daka* olona, *mandaka,* mitsipaka olona. —de fouet. Karavasy. Il donna un—de fouet au mulet. Nofitsohany *karavasy* ny ramolé. Donner un—de bistouri. Mandidy amy ny antsy fandidian' ny dokotera. Donner un—de griffe. Mandrangotra. Donner un—de dent. Manaikitra. Donner un—de bec. Manaingoka. Il fut tué d'un —de foudre. Matin' ny varatra izy. Il fut tué d'un—de canon. Matin' ny tafondro izy. —d'œil. Voy. Œil. Il est mort d'un —de soleil. Matin' ny lazon' andro izy. Il a attrapé un—d'air. Voasovoky ny hatsiaka izy. —de vent. Rivotra mifofofofo mafy. Il l'appela d'un—de sifflet. Nantsoiny tamy ny sia-tokana izy. Donnez là un—de lime. Tsofao kely ity. Donnez un coup de balai à cette chambre. Fafao kely ity efi-trano ity. 2°—, Vava, indray manao, indray mifanjona. Fusil à deux coups. Basy roa *vava.* Vous avez encore dix coups à tirer. Mbola mahazo mandefa folo *vava* hianao. Il a pris tous ces poissons d'un—de filet. *Indray manarato* no nahazoany ireo hazandrano ireo. Buvez un—de vin. Misotroa divay *indray migoka.* Il a tué cinq canards d'un—de fusil. Nahafaty angaka dimy *indray mitifitra, indray mifanjona* izy. Je vous donne à deviner ceci en trois coups. Omeko hovinaninao *intelo manonona* ity. 3° *fig.* Ny manjo, fahavoazana, zavatra sendrasendra, fanambinana, famaizana, kapoka, famelezana, zavatra mahagaga. Ce fut un—de foudre, de tonnerre, de massue pour lui. Mafy izany *nanjo* azy izany. Il supporte les coups du sort. Mandefitra ny *manjo* azy izy. Ses plaisanteries portent—. *Mahavoa* ny vosobosotra ataony. C'est par un—du hasard qu'il a gagné au jeu. *Sendrasendra* no nahazoany tamy ny loka. C'est par un—de bonheur qu'il a gagné cinq piastres. *Fanambinana* no nahazahoany ariary dimy. Il a été frappé de mort par un—de la Providence. *Famaizana, kapok'*Andriamanitra no nahafatesany. —de théâtre. *Zavatra mahagaga* miseho tampoka amy ny teatra. Ce—d'autorité effraya les séditieux. Nampatahotra ny mpikomy izany *famelesan'* ny manam-pahefana izany.—du ciel. *Zavatra mahagaga* avy amin' Andriamanitra. || *loc.* Donner des coups de dent, de bec, de langue, de patte. Mikizaka, mifosa, manaraby. Faire d'une

pierre deux coups. Manararaotra. Donner un—de main à quelqu'un. Manampy olona. La ville fut prise d'un—de main. Azo tamy ny sovok' ady ny tanàna. Faire un mauvais—. Manao ratsy lehibe, — heloka be vava. Voilà un — d'étourdi. Mampiseho hamaivanan-doha izany. Faire un—de tête. Mampiseho ditra.—d'essai. Zavatra voalohany atao.—de maître. Zavatra lavorary. Son—d'essai fut un—de maître. *Lavorary ny zavatra voalohany nataony.*

À coup sûr, *loc. adv.* Tsy misy isalasalana. Nous réussirons à — sûr. *Tsy misy isalasalana* fa hahomby isika.

Tout à coup, *loc. adv.* Tampoka.

Tout d'un coup, *loc. adv.* Indray mandeha monja, vetivety foana. Il gagna mille piastres tout d'un—. *Indray mandeha monja,* etc., dia nahazo ariary arivo izy.

Coup sur coup, *loc. adv.* Mifanarakaraka. Il a eu trois maladies—sur—. Azon' ny aretina samihafa intelo *mifanarakaraka* izy.

Après coup, *loc, adv.* Aoriana. || loc. Demander après — la permission de passer. Efa manerana vao manao mbay lálana. Pleurer un mort après —. Manao ranomaso tsy miaraka amam-paty, manao salaka miamboho vody.

Pour le coup, *loc. adv.* Amin' izao. Pour le — il ne m'échappera pas. *Amin'izao* izy tsy ho afaka handositra ahy intsony.

Encore un coup, *loc. adv.* Indray. Encore —, je vous dis que cela n'est pas possible. Milaza aminao *indray* aho fa tsy azo atao izany.

COUPABLE, *adj.* 1° Meloka. S'avouer —. Miaiky ho *meloka.* 2°—, Mahameloka, mahadiso. Amour —. Fitiavana *mahameloka,* etc.

—, *s.* Ny meloka.

COUPE, *sf.* 1° Fanapahana, fikapana, fijinjana, famirana, fandidiana, fipaihana, fanetezana. La—de ce bois se fait tous les neuf ans. *Kapaina, jinjaina, firaina* isan-tsivy taona io ala io. Le mois dernier a eu lieu la — du blé. Tamy ny volana lasa teo no *nijinjana* ny varim-bazaha. La — de cet habit est excellente. Tsara *didy* io akanjo io. Il entend bien la — des pierres. Mahay *mipai*-bato izy. C'est vous qui avez la — des cartes. Anao no *manapaka* ny karatra. 2° —, Sarin' ny tapaky ny aty trano, sarin-javatra vakina misasaka. La — d'une église. Ny *sarin' ny tapaky ny aty trano* leglizy. 3° *fig.* Fandaharana, filaharana. La — de cette phrase est bien. Tsara *filaharana* io fehezan-teny io. || *loc.* Être sous la — de quelqu'un. Fehezin' olona.

COUPE, *sf.* 1° Kapoaka, kopy. 2° *fig.* Boire à la — du malheur. Miaritra fahoriana. Boire la — jusqu'à la lie. Miaritra fahoriana hatramy ny farany.

COUPÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Voatapaka, notapahina, tapaka, voahentitra, nohenterina, hentitra, voakapa, nokapaina, voajinja, nojinjaina, voafira, nofiraina, voafolona, nofolonana, folona, voadidy, nodidiana, voapaika, nopaihina, voavaky, novakina, vaky, voahety, nohetezana, voatetika, notetehina. 2° —, Voasakana, nosakanana, voatapaka, notapahina, mitapaka, voesotra, nesorina. Cette phrase est bien coupée. *Voatapaka* tsara io fehezan-teny io. Style —. Laha-teny *mitapatapaka.* 3° —. Voatampoka, notampohana. 4° —, Vositra. Bœuf —. Omby *vositra.*

COUPER, *va.* 1° Manapaka, manentitra, mikapa, mijinja, mamira, mamolona, manorotra, mandidy, mipaika, mandrasa, mamaky, manety, mitetika. — un bois en travers. *Manapaka* hazo. On lui a coupé un bras. Efa *notapahina* ny sandriny anankiray. — une corde. *Manentitra* tady. — des arbres. *Mikapa, mijinja, mamira* hazo. Pierre coupa l'oreille de Malchus d'un coup de sabre. *Nokapainy* Piera ny sabatra ny sofiny Malikosy. — la queue à un chien. *Mamolona* rambon' alika. — le riz. *Mijinja* vary. — de l'herbe avec un couteau. *Manorotra* vilona. — un habit. *Mandidy* akanjo. — la viande. *Mandidy* hena. —un bœuf entier. *Mandrasa* omby. — une planche en long. *Mamaky* hazo fisaka. — avec des ciseaux. *Manety.* — les cheveux. *Manety* volo. — de la viande en petits morceaux. *Mitetika* hena. 2°—, Mandratra. Vous m'avez coupé au doigt. *Nandratra* ny rantsan-tanako hianao. 3°—, Mamaky, misakana, manapaka, manesotra. La rivière coupe mon jardin. *Mamaky* ny tanimboliko ny renirano. — les vivres à l'ennemi. *Misakana* ny hanina mankany amy ny fahavalo. — la parole à quelqu' un. *Manapaka* tenin' olona. La quinine coupe la fièvre. *Manapaka* ny tazo ny kininina. — les cartes. *Manapaka* karatra. — le mal à sa racine.

Manesotra ny fototry ny ratsy. 4° —, Manampoka. — du vin avec de l'eau. *Manampo*-drano ny divay. 5°—, Mamositra.

—, *vn*. Maranitra. Ce couteau coupe bien. *Maranitra* tsara ity antsy ity.

Se couper, *vpr*. 1° Mandra-tena. 2°—, Mifanapaka. Ces deux chemins se coupent. *Mifanapaka* ireo lalana roa ireo. 3° *fig*. Mifanohitra. Il s'est coupé dans ses réponses. *Nifanohitra* ny valin-teny nataony.

COUPERET, *sm*. Kalaza fikapakapankena.

COUPEUR, EUSE, *s*. Mpandidy akanjo, mpandidy hoditra atao kiraro. — de bourses. *Mpandidy* lamba.

COUPLE, *sf*. Roa. Une — d'œufs. Atody *roa*.

—, *sm*. Mpivady, roa. Voilà un — bien assorti. Izany no *mpivady* mifanaraka tsara. Un — d'amis. Mpisakaiza *roa* lahy.

COUPLET, *sm*. 1° Andininy amy ny hira. 2°—, *pl*. Hira. Il chanta des couplets fort agréables. Nanao *hira* mahafinaritra izy.

COUPOLE, *sf*. 1° Ny aty tafon-trano boribory misondrotra eo an-tampon' ny trano lehibe. 2°—, Tafon-trano boribory misondrotra eo an-tampon' ny trano lehibe.

COUPON, *sm*. Ambin-damba, tapadamba.

COUPURE, *sf*. 1° Ny voadidy, ratra. J'ai une — au doigt. *Voadidy, maratra* ny rantsan-tanako. 2°—, Fanesorana. L'auteur de cette pièce y a fait de nombreuses coupures. *Nanesoran'* ny mpamorona azy zavatra maro io teatra io.

COUR, *sf*. Tokotany. Les enfants jouent dans la —. Milalao ao an-*tokotany* ny ankizy.

COUR, *sf*. 1° Ny mpanjaka sy ny tandapany, tandapa, rova, fanjakana. La — est partie. Lasa *ny mpanjaka sy ny tandapany*. Le roi et toute sa —. Ny mpanjaka sy ny *tandapany* rehetra. Les gens de la —. Ny *tandapa*. Il a une charge à la —. Manao raharaha any anaty *rova* izy. Les usages de la —. Ny fomba fanao ao anaty *rova*. Adressez vos lettres à la—. Ampitondray any anaty *rova* ny taratasinao. Il a reçu un ordre de la—. Nahazo teny avy any anaty *rova* izy. La —lui a envoyé un courrier. Naniraka tany aminy ny *fanjakana*. La — de France. Ny *fanjakana* Frantsay. ‖ *loc*. Les dames de la—. Ny sakaizan' Andriana. 2° *fig*. Fanajana, fanompotompoana, famalifaliana, fandokadokafana. Faire sa—au roi. *Manaja*, etc., ny mpanjaka. Il fait la — à ses juges. *Mamalifaly, mandokadoka* ny mpitsara azy izy. ‖ *loc*. De l'eau bénite de —. Vava fotsiny. Ne comptez pas sur tout ce qu'il vous a promis, c'est de l'eau bénite de—. Aza manantena ny zavatra rehetra nampanantenainy anao, fa *vava fotsiny* hiany izany.

COUR, *sf*. Fitsarana, mpitsara, fivorian' ny mpanao raharaham-panjakana sasany. La —de cassation. Ny *fitsarana* ambony indrindra. La—d'appel. Ny *fitsarana* ambony. — d'assises. *Fitsarana* momba ny heloka be vava. La—s'est réunie. Nivory ny *mpitsara*. Prêter serment devant la—. Mianiana eo anatrehan' ny *mpitsara*. Mettre quelqu'un hors de—. Mampody olona satria tsy misy antony *hitsarana* azy. La—des comptes. Ny *fivorian' ny mpanao raharam-panjakana* manamarina ny kaonty momba ny volam-panjakana miditra sy mivoaka.

COURAGE, *sm*. Herim-po, fahasahiana. Combattre avec—. Miady amin-*kerim-po*, amin-*kasahiana*. Il a eu le— de m'abandonner. *Sahy* nandao ahy izy. ‖ *loc*. Perdre—. Mamoy fo, manary toky.

—, *int*. Mahereza, mahereza fo.

COURAGEUSEMENT, *adv*. Amin-kerim-po, amin-kasahiana. Il supporte— l'infortune. Mandefitra ny fahoriana *amin-kerim-po* izy.

COURAGEUX, EUSE, *adj*. Mahery fo, be herim-po, sahy, mampiseho herim-po. Réponse courageuse. Valin-teny *sahisahy, mampiseho herim-po*.

COURAMMENT, *adv*. Tsy mihambahamba, tsy miahanahana, tsy miahotrahotra. Il lit —. Tsy *mihambahamba*, etc., izy raha mamaky teny.

COURANT, ANTE, *adj*. 1° Mihazakazaka, miriotra. Chien—. Alika *mpihazakazaka, mpiriotra*. 2°—, Mandeha. Eau courante. Rano *mandeha*. 3°—, Raisina, lany, fanao, ankehitriny, hitsahina, ity. L'argent coupé est la monnaie courante de Madagascar. Ny vakim-bola no *raisina, lany* aty Madagaskara. Le prix — de la toile américaine est de cinquante centimes l'aune. Ny vidin' ny soga *ankehitriny* dia lasiroa ny laonina. Le mois

—. Ny volana *hitsahina, ity* volana ity.

—, *sm*. 1° Volana hitsahina. Je vous paierai le quinze du —. Haloako ny trosanao amy ny fahadimy amby ny folon' ity *volana hitsahina* ity. || *loc*. Dans le — de la semaine. Amin'ity herinandro ity. Dans le — de l'année. Amin'ity taona ity. 2° —, Rano mandeha, fandeha, rano mitety namana, fivalana. Un — d'eau. *Rano mandeha*. Le — du fleuve est très rapide en cet endroit. Mimaona ny *fandehan'* ny ony eto. Le navire a été entraîné par le —. Nongoahan' ny *rano mitety namana* ny sambo. Suivre le — de l'eau, le —. *Mivalana* manaraka ny rano. || *loc*. Remonter le —. Miorika manaraka ny rano. Un — d'air. Rivotra mibosesika, — an-kadilanana. Le — du marché. Ny vidin-javatra ankehitriny. Il a un bon — d'affaires. Maro raharaha atao izy. 3° *fig*. Se laisser aller au —. Manaraka ny fomban' izao tontolo izao, manaram-po. Etre au —. Mahay, mahalala. Tenir au —. Mampandre. Je vous tiendrai au — des nouvelles. *Hampandre* anao ny zava-baovao aho.

Courante, *sf*. Fivalanan-dava, fitsiririhana.

COURBATU, UE, *adj*. Torovandrovana.

COURBATURE, *sf*. Aretina mahatorovandrovana.

COURBE, *adj*. Vokoka, hoatry ny volan-tsinana. Ligne—. Tsipika *vokoka*, etc.

—, *sf*. Tsipika vokoka.

COURBER, *va*. Mamokoka, manao ohatry ny volan-tsinana, mandantsika, mandetsy, mampanjoko. Courbez cette verge. Ataovy *vokoka, hoatry ny volan-tsinana, alantsiho* io rotsa-kazo io. Le trop grand faix a courbé cette poutre. Ny havesatry ny entana loatra no *nampiletsy* io sakamandimby io. La vieillesse l'a courbé. Ny fahanterana no *mampanjoko* azy. || *loc*. — le front, la tête. Miondrika.

—, *vn*. Mamokoka, manjoko, miforigaigy. Il courbe sous le poids du fardeau. *Mamokoka*, etc., azon' ny enta-mavesatra izy.

Se courber, *vpr*. 1° Mamokoka, miondrika, milantsika, miletsy, manjoko. La branche se courbe. *Miondrika* ny sampan-kazo. Se — pour ramasser des fruits. *Miondrika* mba hitsimpona voankazo. 2° *fig*. Miankohoka. Tout se courbe devant cet homme. *Miankohoka* amin' io lehilahy io avokoa ny olona rehetra.

COURBETTE, *sf*. Fiondrikondrehana. Faire des courbettes. *Miondrikondrika*; *fig*. mandoka, mandady.

COURBURE, *sf*. Famokoka, filantsika, filetsy.

COUREUR, EUSE, *adj*. Mahery mihazakazaka, — miriotra. Des chevaux coureurs. Soavaly *mahery mihazakazaka*, etc.

Coureur, *sm*. 1° Mpihazakazaka, mpiriotra. C'est le meilleur — qu'on ait jamais vu. Tsy mbola nisy *mpihazakazaka* ohatra azy. 2°—, Mpivezivezy, mpivoivoy, mpiriorio, mpirenireny, mpitsipy voavitsy.

Coureuse, *sf*. Vehivavy jefy, — jejo, — janga.

COURGE, *sf*. Voatavo, voatavo bozaka, voatavom-bazaha.

COURIR, *vn*. 1° Mihazakazaka, miriotra, mimaona, manao tongotra an-katoka, miezaka, miolo-may. Le voleur court à toutes jambes. *Mihazakazaka*, etc., ny mpangalatra. Faites — le cheval. *Ampirioty, ampiezaho* ny soavaly. 2° —, Manenjika, midodododo. — après le voleur. *Manenjika* ny mpangalatra. — au médecin. *Midodododo* mankany amy ny dokotera. 3° —, Mandeha, mivezivezy, mivoivoy. Eau qui court. Rano *mandeha*. Il a couru toute la journée. *Nivezivezy, nivoivoy* nandritra ny andro izy. 4° *fig*. Mikatsaka, mila, manatona, manehatra. — après la gloire. *Mikatsaka* voninahitra. — à sa perte. *Mila* loza, *manatom*-paty, *maneha*-doza. 5° —, Manao haingana loatra. Il a écrit cela en courant. *Nataony haingana* loatra ny fanoratra izany. 6° —, Mandalo, mihelina, miely, mizotra, manomboka, fanao. Le temps court rapidement. *Mandalo* haingana, *mihelina* ny andro. Ce bruit court partout. *Miely* hatraiza hatraiza izany tsaho izany. L'intérêt de cette somme court toujours. *Mizotra* lalandava ny zanak' io renivola io. Ses gages courent depuis un mois. *Manomboka* efa iray volana izay ny karamany. La mode qui court. Ny lamody *fanao*. || *loc*. L'année qui court. Ity taona ity. Par le temps qui court. Ankehitriny, amin' izao fotoana izao. 7° —, Mitandavana. Ces montagnes courent du nord au sud. *Mitandavana* mianatsimo sy mianavaratra ireo tendrombohitra ireo.

—, *va.* 1° Manenjika. — le cerf. *Manenjika* serfa. 2° —, Mitety, miely, mankany matetika. — les rues, les mers. *Mitety* ny araben-dalana, ny ranomasina. Il a couru toute la France. *Nitety* any Frantsa manontolo izy. Cette nouvelle court les rues. *Niely* eran' ny tanána izany zava-baovao izany. Il court les concerts. *Mankany* amy ny konserta *matetika* izy. 3°—, Manehatra.—de grands risques. *Maneha*-doza. Comme SE HASARDER. 4° —, Tia. On le court. *Tian'*olona izy.

COURLIS, *sm.* Akoholahinala.

COURONNE, *sf.* 1° Fehiloha. — de fleurs. *Fehiloha* voninkazo. — d'épines. *Fehiloha* tsilo. 2°—, Satro-boninahitra, satrok' andriana. — d'or. *Satro-boninahitra*, etc., volamena. 3° *fig.* Valisoa, satro-boninahitra. Il a remporté une—au concours. Nahazo *valisoa* tamy ny fifaninanana izy. Il a remporté la—du martyre. Nahazo ny *satro-boninahitry* ny martiry izy. 4° —, Fahefana mahampanjaka, fanjakana, mpanjaka. Abdiquer la—. Mahafoy ny *fahefana mahampanjaka*, mametraka *fanjakana*, manoa. Héritier de la—. Mpandova *fanjakana*. Ses deux enfants se disputèrent la —. Niady *fanjakana*, niady lahy ho tonga *mpanjaka* ny zanany roa lahy. Il s'est emparé de la —. Nitsangana ho *mpanjaka* izy. Mettre la—sur la tête de quelqu'un. Manangana olona ho *mpanjaka*.

COURONNÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Misy fehiloha, nasiana fehiloha. 2°—, Misy satro-boninahitra, nasiana satro-boninahitra. 3° *fig.* Nahazo valisoa. 4°—, Hodidinina. 5°—, Maratra lohálika amy ny nahalavoana.

COURONNEMENT, *sm.* 1° Fanisiana fehiloha. 2°—, Fanisiana satro-boninahitra, fisehoan' ny andriana. J'ai assisté au—du roi. Nanatrika ny *nisehoan' ny andriana* aho. 3° *fig.* Ravaka an-tampony. Cela forme un beau—. *Mandravaka* tsara *ny tampony* izany. 4°—, Fanatontosana, fanatanterahana, fandavorariana. C'est le—de l'œuvre. Izany no *mahatontosa, mahatanteraka, mandavorary* ny raharaha.

COURONNER, *va.* 1° Manisy fehiloha. 2°—, Manisy satro-boninahitra, — satrok' andriana. Ils l'élurent et le couronnèrent. Nofidin' izy ireo izy ka *nosatrohany satro-boninahitra*, etc. 3° *fig.* Mamaly soa, manisy satro-boninahitra. — le vainqueur. *Mamaly soa* ny mpandresy. Dieu couronne les saints. Andriamanitra *mamaly soa*, etc., ny olo-masina. 4°—, Manodidina, an-tampony. Des coteaux couronnent la ville. Misy tanety *manodidina* ny tanána De belles statues couronnent l'édifice. Misy sariolona tsara tarehy eny *an-tampon*-trano. 5° —, Manatontosa, manatanteraka, mandavorary.— les vœux de quelqu'un. *Manatontosa, manatanteraka* izay irin' olona. Le martyre couronna sa vie. Ny fahafatesana ho martiry no *nandavorary* ny andro niainany.

Se couronner, *vpr.* 1° Manisy fehiloha amy ny lohany. 2°—, Manisy satro-boninahitra amy ny tenany. 3° *fig.* Tototra, rakotra. La forêt se couronne de feuillage. *Tototra*, etc., ravin-kazo ny ala. 4°—, Maratra lohálika amy ny nahalavoana. Ce cheval s'est couronné dix fois. Io soavaly io *naratra lohálika* impolo *tamy ny nahalavoany*.

COURRIER, *sm.* 1° Mpitondra taratasy, tsimandòa. Dépêcher quelqu'un en—. Maniraka olona *hitondra taratasy*.—du souverain. *Tsimandóa*. 2° —, Kalesy mpitondra taratasy. 3°—, Taratasy ampitondraina na raisina. Faire son—. Manoratra *taratasy ampitondraina*. Lire son —. Mamaky ny *taratasy noraisiny*.

COURROIE, *sf.* 1° Anja-koditra. 2° *fig.* Il a de faibles appointements, il faut qu'il allonge bien la—pour vivre. Kely ny karamany, ka tokony hotsitsiny hivelomany. Ce jeune homme fait trop de dépense, il faut lui serrer la—. Mandany be loatra io zazalahy io, ka tokony hanesorana ny volany.

COURROUCÉ, ÉE, *adj.* 1° Tezitra, misafoaka, misamontitra. Un père—, Ray *tezitra*. Un lion—. Liona *tezitra*, etc. 2° *fig.* Misamboaravoara. Les flots courroucés. Ny onjan-dranomasina *misamboaravoara*.

COURROUCER, *va.* Mahatezitra, mampisafoaka, mampisamontitra.

Se courroucer, *vpr.* 1° Tezitra, misafoaka, misamontitra. 2° *fig.* Misamboaravoara. La mer se courrouce. *Misamboaravoara* ny ranomasina.

COURROUX, *sm.* 1° Hatezerana, fisafoaka, fisamontitra. Le—du ciel. Ny *hatezeran'* Andriamanitra. 2° *fig.* Fisamboaravoara.

COURS, *sm.* 1° Fandeha, fivalana, fizotra, fandroso, lálana, mason-drano. L'eau

suit son—vers la mer. *Mandeha, mivalana, mizotra* mankany amy ny ranomasina ny rano. —d'eau. Rano *mandeha*. Le soleil poursuit son—vers l'occident. *Mandeha, mizotra, mandroso* miankandrefana ny masoandro. Capitaine au long—. Kapitenin-tsambo *mandeha* lavitra. Le fleuve a changé son—. Niova *lálana, mason-drano* ny ony. ‖ *loc.* Arrêter le — d'un fleuve. Manampina ony. Remonter le — d'un leuve. Miorika manaraka ny ony. 2° *fig.* Fizotra, fandroso, toetra. Tout a repris son — habituel. *Mizotra, mandroso* araka ny fanaony indray ny zavatra rehetra. Nous verrons quel — prendra cette affaire. Ho hitantsika ny *fizotra, fandroso, toetr'* izany raharaha izany. Arrêter le —d'une affaire. Misakana raharaha tsy *handroso*. Le mal a pris son —. *Nandroso* ny aretina. ‖ *loc.* Donner un libre — à ses larmes. Mamarin-dranomaso. Donner un libre — à sa fureur. Manampatra ny hatezerany. Pendant le — de la journée. Mandritra ny andro. Dans le — de sa maladie. Tamy ny naharariany. Il est en — de visite. Mamangy olona maro mifandimby izy. 3°—, Fampianarana, fianarana. Il professe le—d'histoire. *Mampianatra* ny tantara izy. Il suit le—du collége. *Mianatra* ao amy ny kolejy izy. 4°—, Fanao, fiely, fandraisana, fandaniana, fahalafosana, vidin-javatra ankehitriny. Ce mot n'a—que parmi le peuple. Tsy *fanao* afa-tsy amy ny samy vahoaka izany teny izany. Ce bruit eut— pendant quelque temps. *Niely* nandritra ny andro sasantsasany izany tsaho izany. Les piastres seules ont—à Madagascar. Ny farantsa hiany no *raisina* atý Madagaskara. Ces étoffes n'ont plus de—. Tsy *lafo* intsony ireo lamba ireo. La mode donne le—à certaines étoffes. Ny lamody no *mahalafo* ny lamba sasany. Quel est le—du marché? Manao ahoana *ankehitriny* ny *vidin-javatra* any an-tsena ?

COURSE, *sf.* 1° Hazakazaka, fihazakazahana, fifanalana hazakazaka, fandehanana, fandeha. Il est léger à la—. Mahery *mihazakazaka* izy. Chevaux de—. Soavaly *mpifanala hazakazaka*. Il a remporté le prix à la—. Nahazo ny loka tamy ny *fifanalana hazakazaka* izy. Le soleil commence sa—. Manomboka *mandeha* ny masoandro. ‖ *loc.* Aller au pas de —. Manao faohany (se dit des soldats), manao rarangy (se dit des porteurs). 2°—, Fivezivezy, fivoivoy, ezaka. Il fait continuellement des courses. *Mivezivezy, mivoivoy* lalandava izy. Ce cocher n'a fait que deux courses dans toute la journée. Tsy *nanezaka* afa-tsy indroa io mpitarika kalesy io androany. Il y a une longue — d'ici là. Lavitra *ezaka* hatreto sy hatrany. 3° *fig.* Fandroso. Rien ne peut arrêter ce conquérant dans sa —. Tsy misy mahasakana io mpandresy io tsy *handroso*.

COURSIER, *sm.* Soavaly mpiady na mpifanala hazakazaka.

COURT, COURTE, *adj.* 1° Fohy, keliray, kelireny, fonetana. Cette canne est trop courte. *Fohy* loatra ity tehina ity. Il a la taille courte. *Fohy, keliray* izy. Il est gros et—. *Fonetana* izy. Le chemin de l'est est plus—. *Fohy* kokoa ny lálana atsinanana. Il a la vue courte. *Fohy* maso, pahimpahina izy ; *fig. fohy* saina izy. 2° *fig.* Fohy, fohy teny, kely, tsotra. Notre vie est courte. *Fohy* ny andro iainantsika. Phrase courte. Fehezan-teny *fohy*. Le prédicateur a été —. *Fohy* ny *teny* nataon'ny mpitory teny. Il a l'esprit —. *Fohy* saina izy. Il est — d'argent. *Kely* vola izy. Le plus—est de vous taire. *Tsotra* kokoa raha mangína hianao. ‖ *loc.* Il est — de mémoire. Maty arika izy. Il a l'haleine courte. Sempotra izy.

Court, *adv.* 1° Fohy. Il a coupé les cheveux trop—. *Fohy* loatra ny nanetezany ny volony. 2° *fig.* Tampoka, fohy. Il s'arrêta tout —. Nijanona *tampoka* izy. Il est resté — dans son discours. Nijanona *tampoka* tamy ny laha-teny izy fa hadinony. On l'accabla tellement de raisons, qu'il demeura —. Nototofana profo betsaka loatra izy, ka *fohy* terý ny lelany, tsy nanan-kavaly terý izy. Coupez —. *Ilafohezo* ny teninao. ‖ *loc.* Cet enfant est libertin, il faut le tenir de —. Manarampo loatra tsy amy ny antony io zaza io, ka tokony hogiazana.

COURTAGE, *sm.* Fividianana na fivarotana an-tselika ho an' olona.

COURTAUD, AUDE, *s.* 1° Olona fonetana. 2°—, Soavaly na alika folondrambo sady koro sofina.

—, *adj.* Folon-drambo sady koro sofina.

COURTE-PAILLE, *sf.* Fampáka, antendriahitra.

COURTIER, *sm.* Mpividy na mpivarotra an-tselika ho an' olona. — de vin. *Mpividy na mpivarotra* divay *an-tselika ho an' olona*.

COURTILIÈRE, *sf.* Amboakelindrano.

COURTISAN, *sm.* 1° Tandapa. 2°—, Mpanompotompo, mpamalifaly, mpandokadoka.

COURTISANE, *sf.* Tokantranomaso, vehivavy janga, karam-bavy.

COURTISER, *va.* Manompotompo, mamalifaly, mandokadoka. Il courtise ce vieillard pour avoir sa succession. *Manompotompo,* etc., io lahiantitra io izy mba handovany azy.

COURTOIS, OISE, *adj.* Mahay manaja, mahalala fomba. Voy. CIVIL.

COURTOISEMENT, *adv.* Amim-panajana.

COURTOISIE, *sf.* Fanajana.

COURU, UE, *adj.* Malaza, tian' ny olona. C'est un prédicateur fort—. Mpitory teny *malaza,* etc., izy.

COUSIN, INE, *s.* Zanak'olo-mirahalahy, —mianadahy, —mirahavavy.

COUSIN, *sm.* Moka.

COUSSIN, *sm.* Ondana.

COUSSINET, *sm.* 1° Halana, 2°—, Vy ihandrinan' ny anja-by amy ny lalam-by.

COUSU, UE, *p.* et *adj.* 1° Voazaitra, nozairina, mizaitra, voavitrana, navitrana, mivitrana. Des souliers bien cousus. Kiraro *voazaitra* mafy. 2° *fig.* Des finesses cousues de fil blanc. Hafetsena mora fantatra. Il est tout — d'or. Be vola izy. Il a le visage—de petite vérole. Tsy misy hitomboham-pilo ny tarehiny azon' ny soki-nendra. Il est tout — de coups. Tsy misy hitomboham-pilo ny tenany noho ny ratra.

COÛT, *sm.* Vidiny.

COÛTANT, *adj. m.* Prix —. Mason-karena. Je vous le donne au prix —. Ataoko *mason-karena* aminao izany.

COUTEAU, *sm.* Antsy, antsipika, miso, fandidiana. —à deux tranchants. *Antsy* marani-dany roa.—de poche. *Antsipika.* —à deux lames. *Antsipika* roa lela. —de table. *Antsy* fihinanana. —à papier. *Fandidian*-taratasy.

COUTELAS, *sm.* Antsibe, kalaza. Il lui fendit la tête de son—. Nokapainy ny *antsibeny,* etc., ny lohany.

COUTELIER, IÈRE, *s.* Mpanefy na mpivarotra antsy, hety, etc.

COUTELLERIE, *sf.* 1° Fanefena antsy, hety, etc. 2°—, Trano fanefena antsy.

COÛTER, *vn.* 1° Vidiny. Combien coûte ce livre? Hoatrinona no *vidin'* io boky io? Ce cheval me coûte cent piastres. Ariary zato no *nividianako* io soavaly io. —cher. Saro-*bidy,* be *vidy,* lafo. —peu. Mora *vidy.* 2°—, Lany. Combien vous coûte ce cheval à nourrir? Hoatrinona no *laninao* amy ny famelomana io soavaly io? 3° *fig.* Sarotra, manahirana. Il lui en coûte de reprendre. *Sarotra* aminy, *manahirana* azy ny mananatra. Cet ouvrage a dû lui—. Toa *sarotra* taminy, toa *nanahirana* azy izany boky izany. Coûte que coûte. Na dia *sarotra* aza, na manao ahoana na manao ahoana.

—, *va.* Ahazoana, forme relative, maha..., man..., mampi..., etc. Cette victoire a coûté beaucoup de sang. Ra mandriaka no *nahazoana* izany fandresena izany. Cet ouvrage lui a coûté bien des veilles. *Niaretany* tory matetika izany boky izany. Il vous en coûtera la vie. *Hahafaty* anao izany. Il m'en a coûté de la peine. *Nanahirana* ahy izany.

COÛTEUX, EUSE, *adj.* Mahalany be. Les voyages sont —. *Mahalany be* ny fivahiniana.

COUTIL, *sm.* Karazan-damba. ‖ *loc.* Tissu malgache ressemblant au—. Akotifahana.

COUTUME, *sf.* Fahazarana, fanao, fomba, kotra. Il a—de faire cela. *Zatra* manao izany izy. Il est difficile de se défaire d'une—. Sarotra ialana ny *fahazarana.* Une fois n'est pas—. Tsy mba *fahazarana* izay atao indray maka monja. C'est la — du pays. *Fanao, fomba* amin' ity tany ity izany. Il suit les coutumes des ancêtres. Manaraka ny *fanaon'* ny razana, ny *fomban*-drazana, ny *ko*-drazana izy.

De coutume, *loc. adv.* Araka ny fanao. Il a mieux travaillé que de—. Niasa tsaratsara kokoa izy fa tsy *araka ny fanaony.*

COUTUMIER, IÈRE, *adj.* Zatra, fanao, fomba. Il est—du fait. *Zatra* manao izany izy, *fanaony, fombany* izany.

—, *sm.* Boky misy ny fanaon' ny fari-tany anankiray.

COUTURE, *sf.* 1° Zaitra. Cette—ne parait pas. Tsy hita izany *zaitra* izany. Cette—est mal faite. Ratsy io *zaitra* io. Elle apprend la—. Mianatra *zaitra* izy. 2°—, Holatra, soki-nendra. 3° *fig.* Ils furent battus à plate—. Resy dia resy izy ireo.

COUTURÉ, ÉE, *adj.* Be holatra, rovi-

tra, sokitra. Il a le visage tout—. *Be hòlatra* ny tarehiny. Il est tout—de petite vérole. *Rovitry* ny nendra, *soki*-nendra ny tarehiny.

COUTURIÈRE, *sf.* Vehivavy mpanjaitra.

COUVAISON, *sf.* Andro fikotrehana.

COUVÉE, *sf.* Atody indray mikotrika, zana-borona indray mitarika. Il y avait dix œufs à la—. Nisy *atody* folo no *indray nikotrika*. La poule et toute sa—. Ny reniakoho sy ny *zanany indray mitarika*.

COUVENT, *sm.* 1° Tranon-drelijiozy. 2° —, Relijiozy iray trano.

COUVER, *va.* 1° Mikotrika. La poule couve les œufs de la cane. *Mikotri*-borona ny akoho. 2°—, Manotrika. Il couve de mauvais desseins contre son ennemi. *Manotrika* hevi-dratsy hamelezany ny fahavalony izy.

—, *vn.* 1° Mikotrika. Cette poule veut—. Te-*hikotrika* io reniakoho io. 2°—, Miotrika. Le feu couve sous la cendre. *Miotrika* ny afo, misy *otrik*afo. Sa haine a longtemps couvé dans son cœur. Efa *niotrika* ela tao am-pony ny lolom-pony.

Se couver, *vpr.* Miotrika. Il se couve un complot. Misy teti-dratsy *miotrika*.

COUVERCLE, *sm.* Takotra, rakotra, sarona. —de marmite. *Tako*-bilany. —de malle. *Rako*-bata, *sarom*-bata.

COUVERT, ERTE, *p.* et *adj.* 1° Voatakotra, notakofana, mitakotra, rakotra, voarakotra, norakofana, mirakotra, voasarona, nosaronana, misarona, tototra, voatototra, nototofana, mitototra, voafono, nofonosina, mifono, voatafo, notafoana, mitafo, voatafy, notafiana, mitafy, feno, nofenoina, henika, safotra, voasafotra. nosaforana. Maison couverte en tuiles. Trano *voatafo*. *mitafo* tanimanga. Il est bien—pendant le jour, pendant la nuit. *Mitafy* tsara raha antoandro, *mirakotra* tsara raha alina izy. Il est couvert de plaies. *Rakotra, tototra* fery ny tenany. 2°—, Be ala, misy alokaloka, voalokaloka, maloka, manjombona. C'est un pays—. Tany *be ala* izany. Allée couverte. Lálana misy *alokaloka, voalokaloka, maloka*. Le temps est—. *Maloka, manjombona* ny andro. 3° *fig.* Tototra, safotra. —de gloire. *Tototra* voninahitra. —de honte. *Safo*-kenatra. 4°—, Voafina, nafenina, miafina, manafin-kevitra, voasarona, nosaronana. Haine couverte. Lolom-po *miafina*. Homme—. Olona *manafin-kevitra*. Mots couverts. Teny *voasarontsarona*.

À couvert, *loc. adv.* 1° Mialoka, alofana, miery. Il est à—de la pluie. *Mialoka* ny orana izy. Il est à—du canon. *Miery* ny tafondro izy. 2° *fig.* Arovana. Rien ne met à—de la calomnie. Tsy misy *maharo* amy ny endrikendrika.

COUVERT, *sm.* 1° Fomban-databatra. Mettez le—. Amboary ny *fomban-databatra*. Il y avait dix—. Nisy *fomban-databatra* sahazan' olona folo. 2°—, Sotro sy forsety. J'ai acheté une douzaine de couverts d'argent. Nividy *sotro* vola sy *forsety* vola roa amby ny folo aho.

COUVERTURE, *sf.* 1° Lamba fanaronana, firakofana, bodofotsy. —de charrette. *Lamba fanaronan*-tsarety. —de chevaux. *Lamba fanaronan*-tsoavaly.—de laine. *Firakofana, bodofotsy* volon' ondry. 2°—, Fonom-boky. 3°—, Tafontrano. Réparer la—d'une maison. Manamboatra *tafon-trano*.

COUVEUSE, *sf.* Reniakoho mpikotrika.

COUVRE-CHEF, *sm.* Satroka.

COUVRE-PIED, *sm.* Firakofana.—d'indienne. *Firakofana* zandiana.

COUVREUR, *sm.* Mpanafo trano.

COUVRIR, *va.* 1° Mandrakotra, manarona, manototra, mamono, manafo, manafy, mameno, manenika, manafotra.—la marmite. *Mandrakotra* vilany.—une corbeille. *Mandrakotra, manarona* harona.—le lit. *Mandrakotra* fandriana. —un tableau. *Manarona* sary.—de terre les racines d'un arbre. *Manototra* tany ny vody hazo.—un livre. *Mamono* boky —une maison. *Manafo* trano.—les pauvres. *Manafy* ny mahantra.—une table de mets. *Manototra, mameno* nahandro ny latabatra.— un habit d'or. *Manototra, mameno* volamena ny akanjo. Les ennemis couvrent la colline. *Rakotra, tototry* ny fahavalo ny tanety. Enlevez la poussière qui couvre ce tableau. Esory ny vovoka *mandrakotra, manototra* io sary io. Les eaux couvrent la plaine. *Mandrakotra, manenika, manafotra* ny tany lemaka ny rano. 3° *fig.* Manototra, manafotra. Les juges l'ont couvert de honte. *Nanafo*-kenatra azy ny mpitsara. 4°—, Manafina, manarona. Il couvre ses desseins. *Manafina*, etc., ny fikasany izy. Il couvre la faute de son ami. *Manarona* ny hadisoan' ny sakaizany izy. L'harmonium couvre sa

voix. Ny harimonia *manarona* ny feony. 5°—, Misalovana, miaro. Il s'élança, et le couvrit de son corps. Niezaka izy ka *nisalovana* azy. La citadelle couvre la ville. Ny baterý *miaro* ny tanána. 6°—, Manonitra. Les bénéfices couvrent les dépenses. Ny tombom-barotra *manonitra* ny lany.

Se couvrir, *vpr.* 1° Mirakotra, mitafy, misatroka, misarona, tototra, feno. Voici une couverture pour vous — la nuit. Indro ny bodofotsy *hirakofanao* raha alina. Il n'a pas de quoi se —. Tsy manan*kitafiana* izy. Il ose se—devant ses chefs. Sahy *misatroka* eo anoloan' ny lehibeny izy. Se — la tête avec le *lamba*. *Misaron*-doha. Se — la bouche avec le *lamba*. *Misarom*-bava. Il se couvre de pierreries. *Tototra, feno* vatosoa ny tenany. La terre se couvre de verdure. *Rakotra, tototra* ahi-maitso ny tany. ‖ *loc.* Se — la figure en ne montrant que les yeux. Manao very maso. Se — tout entier sous son *lamba*. Misalobona. 2° —, Mihamanjombona. Le temps se couvre. *Mihamanjombona* ny andro. 3° *fig.* Tototra. Il s'est couvert de gloire. *Tototra* voninahitra izy. ‖ *loc.* Il s'est couvert d' opprobre. Afa-baraka izy. Se — de lauriers. Mandresy. Se — de boue. Manala bara-tena. Se — du sang de quelqu'un. Mamono na mampamono olona. 4°—, Miaro tena. Se — de son bouclier. *Miaro tena* amy ny ampinga.

CRABE, *sm.* Foza. — de mer. *Fozandranomasina.*

CRAC, *sm.* Firiatra, firefotra. Faire —. *Miriatra, mirefotra.* Voy. CRAQUER.

—, *int.* Terý. — le voilà parti. Lasa *terý* izy.

CRACHAT, *sm.* Rora. rehoka.

CRACHÉ, ÉE, *adj.* Mitovy, sahala, tsy misy hivoasana. C'est son père tout—. *Mitovy,* etc., amin-drainy izy, rainy navela teo izy.

CRACHEMENT, *sm.* Fandrorana, fandrehofana. Il a eu un — de sang. *Nandrehoka* ra izy.

CRACHER, *vn.* 1° Mandrora, mandrehoka. Il ne fait que —. *Mandrorarora,* etc., matetika izy. 2°—, Mipiritika. Cette plume crache. *Mipiritidritika* ity penina ity. 3° *fig.* Il a craché en l'air, et cela lui est retombé dessus. *Nandrora* nitsilany izy ka nahavoa tena. Cela est à — dessus. Tokony hatao tsinontsinona izany.

—, *va.* 1° Mandrora, mandrehoka. — du sang. *Mandrehoka* ra. 2° *fig.* — des injures. Mangetogeto-bava.

CRACHEUR, EUSE, *s.* Mpandrorarora, mpandrehodrehoka.

CRACHOIR, *sm.* Tavy fandrorana.

CRACHOTEMENT, *sm.* Fandrorarorana.

CRACHOTER, *vn.* Mandrorarora.

CRAIE, *sf.* Tsaoka, lakré. Marquer à la —. Manamarika amy ny *tsaoka,* etc.

CRAINDRE, *va.* 1° Matahotra, miahiahy. — les souffrances, la mort. *Matahotra* ny fijaliana, ny fahafatesana. — Dieu. *Matahotra* an' Andriamanitra. Je crains de me noyer. *Matahotra* aho fandrao maty an-drano. Il ne craint ni Dieu ni diable. Tsy manan-java-*mahatahotra* izy. Je crains qu'il ne vienne. *Matahotra* aho sao tonga izy. Je crains qu'il ne vienne pas. *Matahotra* aho sao tsy tonga izy. Je ne crains pas qu'il vienne. Tsy *matahotra* aho raha tonga aza izy. Je ne crains rien pour vous. Tsy misy *ahiahiko* ny aminao. Ce cheval craint l'éperon. *Matahotra* zeperona io soavaly io. Ces arbres ne craignent point le froid. Tsy *matahotra* hatsiaka ireo hazo ireo. 2°—, Misalasala. Je ne crains pas de le dire. Tsy *misalasala* aho hilaza izany.

—, *vn.* Matahotra, miahiahy. On voit qu'il craint. Hita fa *matahotra* izy. Je crains pour vous. *Miahiahy* ny aminao aho.

Se craindre, *vpr.* Mifampitahotra.

CRAINT, AINTE, *p.* et *adj.* Atahorana, mahatahotra, mampahatahotra, ahiahina, mampiahiahy.

CRAINTE, *sf.* Fahatahorana, tahotra, fiahiahiana. La — de Dieu est salutaire. Mahasoa ny *fahatahorana* an' Andriamanitra. Vos craintes ne sont pas fondées. Tsy misy fotony ny *tahotrao.* L'état de ce malade inspire des craintes. *Mampahatahotra, mampiahiahy* ny toetr' io marary io. — servile. *Tahobozona.*

De crainte de, *loc. prép.* **De crainte que,** *loc. conj.* Sao, fandrao, andrao.

CRAINTIF, IVE, *adj.* Matahotra, sarotahotra.

CRAINTIVEMENT, *adv.* Amin-tahotra.

CRAMOISI, IE, *adj.* 1° Mena antitra. Velours—. Lamba volory *mena antitra.* 2° *fig.* Devenir —. Tera-*mena.*

—, *sm.* Loko mena antitra.

CRAMPE, *sf.* Fivonkenan-kozatra, savolaina. J'ai des crampes aux jambes. *Mivokin-kozatra* ny ranjoko. J'ai des crampes aux pieds. *Savolaina* ny tongotro.

CRAMPON, *sm.* Faraingo vy famihinana.

CRAMPONNER, *va.* Mamihina amy ny faraingo vy. Il faut—cette pièce de bois. Tokony *hofihinina amy ny faraingo vy* io hazo io.

Se cramponner, *vpr.* Mifikitra, mamikitra. Les lianes se cramponnent aux arbres. *Mifikitra,* etc., amy ny hazo ny vahy.

CRAN, *sm.* 1° Ambaratonga, lafatra, didy. —des caractères d'imprimerie. *Lafa*-dohavy, *didin*-dohavy. 2° *fig.* Ambaratonga. Il est monté d'un—. Nisondrotra *ambaratongam*-boninahitra iray izy. Il est descendu d'un—. Nidina *ambaratongam*-boninahitra iray izy.

CRÂNE, *sm.* 1° Karan-doha. 2°—, Mpirehaka, kevo-dahy. Faire le—, avoir l'air —. *Mirehaka.*

CRÂNEMENT, *adv.* An-kasahiana, anavonavona.

CRÂNERIE, *sf.* Firehaka, hakevohana.

CRAPAUD, *sm.* 1° Saobakaka. 2° *fig.* Olona ratsy tarehy.

CRAPAUDIÈRE, *sf.* Fitoerana be saobakaka.

CRAPULE, *sf.* 1° Faharatsiana. Il vit dans la—. Milomano ao anatin' ny *faharatsiana* izy. 2°—, Olon-tsy vanona. Fuyez la—. Mandosira ny *olon-tsy vanona.*

CRAPULEUX, EUSE, *adj.* Tia faharatsiana. Homme —. Lehilahy *tia faharatsiana.*

CRAQUEMENT, *sm.* Firiatra, firefotra, fitefoka, fikarepoka, fikepoka, fikaraoka, fipoaka.

CRAQUER, *vn.* 1° Miriatra, mirefotra, mitefoka, mikarepoka, mikepokepoka, mikaraoka, mipoaka. La branche craque. *Miriatra, mirefotra, mitefoka* ny sampan-kazo. Les biscuits craquent sous la dent. *Mikarepoka, mikepokepoka* ny biskoitra raha tsakoina. Les pierres craquent sous les pieds. *Mikaraoka* ny vato voahitsaka. Faire—les doigts. *Mampipoaka* ny rantsan-tanana. 2° *fig.* Milaza kapotsaka, —gararo.

CRAQUERIE ou **CRAQUE,** *sf.* Kapotsaka, gararo.

CRAQUETER, *vn.* Mirefodrefotra, mipoapoaka. Le sel craquète dans le feu. *Mirefodrefotra,* etc., ny sira raha ao anaty afo.

CRAQUEUR, EUSE, *s.* Kapotsaka, gararo. Quel grand—! *Kapotsak'* olona, *gararon'* olona re io!

CRASSE, *sf.* 1° Tseroka, tsikoko, angadrano.—des mains. *Tsero*-tanana, *tsikokon*-tanana. —du linge. *Tsero*-damba. —de la tête. *Anga-drano.* 2° *fig.* Fahidiana.

—, *adj.* Mihoa-pampana. Ignorance—. Tsy fahalalana *mihoa-pampana.*

CRASSEUX, EUSE, *adj.* et *s.* 1° Be tseroka, tserohina, be tsikoko, tsikokoina, mokokoina, be anga-drano. Figure crasseuse. Tarehy *be tseroka, tserohina.* Pieds—. Tongotra *be tsikoko, tsikokoina, mokokoina.* Habit—. Akanjo *be tseroka.* Tête crasseuse. Loha *be anga-drano.* 2° *fig.* Kahihitra.

CRATÈRE, *sm.* Vavan' ny volkana.

CRAVACHE, *sf.* Karavasy.

CRAVATE, *sf.* Fehitenda.

CRAVATER, *va.* Manisy fehitenda.

Se cravater, *vpr.* Mametaka fehitenda.

CRAYON, *sm.* 1° Pensily hazo, pensily. —d'ardoise. *Pensilin*-tsolaitra. 2° *fig.* Fanaovan-tsary amy ny pensily.

CRAYONNER, *va.* Manao sary amy ny pensily.

CRÉANCE, *sf.* 1° Finoana. Cela ne mérite aucune—. Tsy mendrika *finoana* velively izany. 2°—, Trosa, vola. J'ai chez un tel une—de mille piastres. Ananako *trosa,* etc., ariary arivo ranona. ‖ *loc.* Lettre de—. Taratasy lanomezam-pahefana. L'ambassadeur a présenté ses lettres de—. Nasehon' ny ambasadaora ny *taratasy manome fahefana* azy.

CRÉANCIER, IÈRE, *s.* Tompon-trosa. Je suis poursuivi par mon—. Zohin' ny *tompon-trosa* aho.

CRÉATEUR, TRICE, *s.* Mpahary, mpamorona. Le—. *Andriananahary.* Le — du ciel et de la terre. Ny *Nahary* ny lanitra sy ny tany.

—, *adj.* Mahary, mahaforona. C'est un esprit—. Olona *mahaforon*-javatra izy.

CRÉATION, *sf.* 1° Fahariana, famoronana, fanaovana. Depuis la—du monde. Hatramy ny *nahariana, namoronana, nanaovana* an' izao tontolo izao. 2° —, Ny zavatra voary. Toute la — publie la gloire de Dieu. Mitory ny

voninahitr' Andriamanitra avokoa *ny zavatra voary* rehetra. 3°—, Famoronana, fanendrena, fanandratana. Depuis la—de ce corps. Hatramy ny *namoronana* izany fikambanana izany. Le pape fit une—de cardinaux. *Nanandratra* kardinaly maro ny papa.

CRÉATURE, *sf.* 1° Zavatra, asan-tanan' Andriamanitra, zavatra voary. L'homme est une—raisonnable. *Zavatra* manan-tsaina ny olombelona. Dieu est admirable dans ses créatures. Mendrika higagana amy ny *asan-tanany*, amy ny *zavatra nohariny* Andriamanitra. 2°—, Olona. C'est une misérable—. *Olon*-tsy vanona izy. 3° *fig.* Olona nasandratra. Il est la—du ministre. *Olona nasandratry* ny ministra izy.

CRÉCELLE, *sf.* Lakolosy hazo.

CRÉCERELLE, *sf.* Kitsikitsika.

CRÈCHE, *sf.* Fihinanam-bilona.

CRÉDENCE, *sf.* Latabatra kely fametrahana ny zavatra ilaina amy ny lamesa.

CRÉDIT, *sm.* 1° Toky, fahatokiana, fitrosana. Il a du—chez les marchands. *Mahatoky* ny mpivarotra rehetra izy. Faire—. *Mampitrosa,* manao *trosa.* ‖ *loc.* Accorder un long—. Manao lona, manao bidá. 2° *fig.* Toky, fahatokiana, fitiavana, finoana. Il a du—auprès du roi. *Itokiana, tian'* ny mpanjaka izy. Cette histoire ne mérite aucun—. Tsy mendrika *hitokiana, hinoana* velively akory izany tantara izany. Il a perdu son—auprès du peuple. Tsy *itokiana,* tsy *tian'* ny vahoaka intsony izy, tsy mamy hoditra amy ny vahoaka intsony izy.

A crédit, *loc. adv.* Mitrosa, atao trosa. Acheter à—. *Mitrosa.* J'ai acheté ce bœuf à—. *Notrosaiko* io omby io. Vendre à—. *Mampitrosa,* manao *trosa.* Je lui ai vendu mon cheval à—. *Nampitrosaiko* azy, nataoko *trosa* taminy ny soavaliko.

CRÉDULE, *adj.* Mora mino, tsotra. Le peuple est—. *Mora mino,* etc., ny vahoaka.

CRÉDULITÉ, *sf.* Fahatsorana.

CRÉER, *va.* 1° Mahary, mamorona, manao. Dieu a créé le premier homme. Andriamanitra *nahary* ny lehilahy voalohany. Dieu créa le monde en six jours. Heneman' andro no *nahariana, namoronana, nanaovan'* Andriamanitra an' izao tontolo izao. 2°—, Mamorona, manorina, manendry, manandratra. — un mot. *Mamoron*-teny. — une législation nouvelle. *Mamorona* lalána vaovao. — un nouvel emploi. *Mamorona* raharaha vaovao. Il a créé un grand collège au centre de la ville. *Namorona, nanorina* trano kolejy lehibe tao afovoan' ny tanána izy. — des magistrats. *Manendry* mpitsara.

Se créer, *vpr.* Mihary, mamorona, manao, maka ho any ny tena. Se — des ressources. *Mihary.* Se—des chimères. *Mamorona, manao* hevi-dravina. Se — des embarras. *Maka* fahasahiranan-*ko an-tena.*

CRÉMAILLÈRE, *sf.* Vy misy ambaratonga mifaraingo fanantonam-bilany. ‖ *loc.* Fauteuil à —. Sezabe misy ambaratonga, —tepetra hanandratana sy hampidinana azy.

CRÈME, *sf.* 1° Herotra. 2° *fig.* Ny tsara indrindra.

CRÉMER, *vn.* Manerotra. Le lait crème. *Manerotra* ny ronono.

CRÉMEUX, EUSE, *adj.* Be herotra. Lait—. Ronono *be herotra.*

CRÉNEAU, *sm.* Nongonongona amy ny manda.

CRÉNELÉ, ÉE, *p.* et *adj.* Misy nongonongona, misy nifinify. Muraille crénelée. Manda *misy nongonongona.* Roue crénelée. Kodiarana maro *nifinifiny.* Feuilles crénelées. Ravin-kazo *misy nifinifiny.*

CRÉNELER, *va.* Manisy nongonongona, —nifinify.

CRÉNELURE, *sf.* Nifinify.

CRÉOLE, *sm.* Kiriolona.

CRÉPE, *sm.* Makarakara mainty fisaonana.

CRÊPE, *sf.* Karaza-mofo mamy.

CRÊPER, *va.* Mampiolikolika, manangita, manatsipoapoaka. — des cheveux. *Mampiolikolika, manangita* volondoha. — une étoffe. *Manatsipoapoaka* lamba.

Se crêper, *vpr.* Miolikolika, mitsipoapoaka.

CRÉPI, *sm.* Lalotra.

CRÉPIR, *va.* Mandalotra.

CRÉPISSAGE, *sm.* Fandalorana.

CRÉPITATION, *sf.* Fipoapoaka, firefodrefotra. Entendez-vous la — des flammes? Renao va izany *fipoapoaka,* etc., ny lelafo ?

CRÉPU, UE, *adj.* Ngita. Cheveux —. Volo *ngita*. Qui a les cheveux—. *Ngita* volo.
CRÉPUSCULAIRE, *adj.* Misomambisamby. Lumière —. Fahazavana *misomambisamby*.
CRÉPUSCULE, *sm.* Mazava atsinanana, mangoana atsinanana, takariva, fisomambisamby, manopy maizina. Il est parti au — du matin. Lasa tamy ny *mazava atsinanana, mangoana atsinanana* izy. Il est arrivé au — du soir. Efa *takariva, misomambisamby, manopy maizina* ny andro vao tonga izy.
CRESSON, *sm.* Anandrano.
CRESSONNIÈRE, *sf.* Tanin' anandrano.
CRÉTACÉ, ÉE, *adj.* Misy tsaoka, hoatry ny tsaoka. Terrain—. Tany *misy tsaoka*, etc.
CRÊTE, *sf.* 1° Sangan' akoholahy. 2°—, Tampony. — d'une montagne. *Tampon'* ny tendrombohitra. 3° *fig.* Lever la—. Mianjonanjona, miandranandrana. Baisser la —. Mamivitra sanga.
CRÊTÉ, ÉE, *adj.* Manan-tsanga. Coq bien —. Akoholahy lava *sanga*.
CRÊTE-DE-COQ, *sf.* Sangasanganakoholahy.
CRÉTIN, *sm.* 1° Olona ratsy endrika sady ondranondranana. 2° *fig.* Olona ondranondranana.
CRÉTINISER, *va.* Mahadala, mampahadala.
Se crétiniser, *vpr.* Mihadala.
CRÉTINISME, *sm.* Hadalana.
CREUSEMENT, *sm.* Fihadiana, fandavahana, fandoahana.
CREUSER, *va.* et *n.* 1° Mihady, mandavaka, mandoaka. — un fossé. *Mihady* hady. — la terre. *Mihady, mandavaka* tany. — un arbre. *Mandoaka* hazo. L'eau creuse la pierre. Ny rano *mandoaka* ny vato. 2° *fig.* Mandinika. — une question. *Mandinika* hevitra anankiray.
Se creuser, *vpr.* 1° Mihaholoka aty, mihalempona. Cet arbre commence à se —. *Mihaholoka aty* io hazo io. Ses joues se creusent. *Mihalempona* ny takolany. 2° *fig.* Se — la tête. Mandany ron-doha.
CREUSET, *sm.* 1° Memy. Epurer l'argent dans le —. Manadio volafotsy ao anatin' ny *memy*. 2° *fig.* Fitsapana. Sa vertu a été mise au —. *Voatsapa* ny hatsaram-panahiny.
CREUX, EUSE, *adj.* 1° Poaka aty, holoka aty, hoboka aty, kaboaka, loaka. Ce bâton est—. *Poaka aty* io tehina io. Ce tronc d'arbre est—. *Holoka aty, hoboka aty, kaboaka* io vatan-kazo io. Dent creuse. Nify *loaka*. 2°—, Lalina, lalina aty, lempona, mangebaka. Fossé très—. Hady *lalina* dia lalina. Assiettes creuses. Lovia *lalina aty*. Il a les yeux —. *Lali*-maso izy. Il a les joues creuses. *Lempona* ny takolany. Il a le ventre —. *Mangebaka* ny kibony. 3° *fig.* Pensées creuses. Hevi-dravina, hevi-potsy. C'est une tête creuse. Marivo saina izy.
Creux, *adv.* Sonner—. Migoboka. Cette statue sonne —. *Migobogoboka* io sariolona io.
—, *sm.* 1° Lavaka, holoka, loaka. Le — d'un rocher. Ny *lavaka, loaka* amy ny vato. Le — d'un arbre. Ny *holoka* amy ny hazo. 2° —, Lempona. Le — de la main. Ny *lempona* ao amy ny felatanana. Le — de l'estomac. Ny *lempona* ao ambavafó.
CREVASSE, *sf.* Mivava, mitriatra, mitsefaka, miveraka, mangentana, vakivaky. — de rocher. *Tsefatsefa*-bato. Il a des crevasses aux pieds. *Mitriatriatra, miveraberaka, vakivaky* ny tongony.
CREVASSÉ, ÉE, *adj.* Mivava, mitriatra, mitsefaka, miveraka, mangentana, vaky hentana, misy vakivaky.
CREVASSER, *va.* Mampivava, mampitriatra, mampitsefaka, mampiveraka, mampangentana, mahavakivaky.
Se crevasser, *vpr.* Mivava, mitriatra, mitsefaka, miveraka, mangentana, vaky hentana, mihavakivaky. Cette muraille se crevasse. *Mivava, mitriatra, mitsefaka, miveraka* io rindrina io. La terre se crevasse. *Mitriatriatra, mitsefatsefaka, mangentana, vaky hentana* ny tany.
CRÈVE-CŒUR, *sm.* Alahelo mafy.
CREVER, *va.* 1° Mamotsitra, mamaky, mandriatra, manataka. On lui a crevé les yeux. *Nopotsirina* ny masony. Le débordement des eaux a crevé la digue. *Namaky* ny fefiloha ny rano tondraka. Un gros poisson creva les filets. Hazandrano lehibe anankiray no *namaky, nandriatra, nanataka* ny harato. 2° —, Mamono. — un cheval. *Mamono* soavaly. 3° *fig.* Cela crève les yeux. Miharibary izany. Cela crève le cœur. Mampangorakoraka izany.

—, *vn.* 1° Mamoy, potsitra, vaky, mitriatra. L'abcès crève. *Mamoy, potsitra* ny vay. Le ballon a crevé. *Vaky, nitriatra* ny balona. 2° —, Maty. Ce chien avala du poison, et il en creva. Nitelina poizina io alika io, ka *maty*. 3° *fig.* Maty. — de faim. *Matin*-kanoanana. — d'orgueil. *Matin'*ny fiavonavonana. ‖ *loc.* — de graisse, — dans sa peau. Mivondraka. Il crève de rire. Torana, dangy, tsipaka, mivadika atin'ny hehy izy.

Se crever, *vpr.* 1° Vaky. La digue se creva. *Vaky* ny fefiloha. 2° *fig.* Mamono tena. Se — de travail. *Mamono tena* miasa.

CRI, *sm.* 1° Horakoraka, akora, hohahoha, finananana, fikiakiaka, fidradradradra, fikaikaika, fijafajafa, fikonainaina, faneno, fikiririoka, fitsararáka, figagáka. Le peuple poussa des cris de joie. *Nihorakoraka, nanakora* an-kafaliana ny vahoaka. Pousser des cris confus. *Mihohahoha.* Appeler quelqu'un à grand cris. Miantso olona *minananana.* Il jetait les hauts cris. *Ninananana, nikiakiaka, nidradradradra* izy. Cris d'un enfant battu par son père. *Fikaikaika, fijafajafa, fikonainainan'* ny zaza kely kapohin-drainy. Cris d'un cochon qu'on tue. *Fikiakiaky* ny kisoa vonoina. Cris d'un chien qu'on bat. *Fikiakiaka, fikonainainan'* ny alika kapohina. Le — du hibou. Ny *faneno, fikiririoky* ny vorondolo. Le—de la pintade. Ny *fitsararáky* ny akanga. Le—du canard. Ny *figagáky* ny vorombazaha. Le — du grillon. Ny *fikiririoky* ny angely. 2°—, Fidridridridry. Le — d'une scie. Ny *fidridridridrin'* ny tsofa. 3°—, Antso, fiantsoana. Cette marchande a un—que l'on entend de loin. Re lavitra ny *antso* valala ataon' io vehivavy mpivarotra io. J'entendis les cris: Au voleur. Reko ny *antso* hoe: Mpangalatra re! 4° *fig.* Fitarainana, fikafara, faniniana. Ecoutez les cris des malheureux. Hainoy ny *fitarainan'* ny mahantra. Il n'y a qu'un —contre lui. *Milaraina* aminy, *mikafara, maniny* azy daholo ny olona. ‖ *loc.* Le—public. Ny tenin' ny vahoaka, ny hevitry ny be sy ny maro. Etouffer le— de la conscience. Mamono ny fanindronana ao am-po.

A cor et à cri. Voy. Cor.

CRIAGE, *sm.* Fiantsoana. Le—des journaux. Ny *fiantsoan*-gazety.

CRIAILLER, *vn.* Minananana, mikiakiaka, mijafajafa, mikonainaina, mikamentsona, mikamenona, minaonaona. Cette femme criaille toujours après ses domestiques. *Mikamentsona, mikamenona* lava ny mpanompony io vehivavy io.

CRIAILLERIE, *sf.* Finananana, fikiakiaka, fijafajafa, fikonainaina, fikamentsona, fikamenona, finaonaona.

CRIAILLEUR, EUSE, *s.* Mpinananana, mpikiakiaka, mpijafajafa, mpikonainaina, mpikamentsona, mpikamenona, mpinaonaona.

CRIANT, ANTE, *adj.* Mampitaraina, mampinaonaona. Les juges ont fait une injustice criante. *Mampitaraina,* etc., ny fitsara-mitanila nataon' ny mpitsara.

CRIARD, ARDE, *adj.* et *s.* 1° Minananana, mikiakiaka, mijafajafa, mikonainaina, minaonaona. Les voix criardes de ces enfants me cassent les oreilles. Mampangintsin-tadiny ahy ny *finananana,* etc., ireo ankizy madinika ireo. 2°—, Mikamentsona, mikamenona, minaonaona. Cette femme est d'une humeur criarde. *Mikamentsona,* etc., lava io vehivavy io.

CRIBLE, *sm.* Fanintsanana, sivana.

CRIBLÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Voahintsana, nahintsana, voasivana, nosivanina. 2°—, Voaloadoaka, tototra, rakotra. Il est — de petite vérole. *Tototra, rakotry* ny soki-nendra izy. 3° *fig.* Tototra. Il est — de dettes. *Tototry* ny trosa izy.

CRIBLER, *va.* 1° Manintsana, manasivana.— du sable. *Manintsana,* etc., fasika. 2°—, Mandoadoaka, manototra, mandrakotra. Les balles ont criblé le mur. *Nandoadoaka* ny rindrina ny bala.

CRIBLEUR, EUSE, *s.* Mpanintsana, mpanasivana.

CRIC, *sm.* Milina fanaingana zavatra mavesatra.

CRIC-CRAC, *sm.* Firefotra, firiatra. Faire —. *Mirefotra, miriatra.* Voy. Craquer.

CRIÉE, *sf.* Lavanty. Vendre à la —. Manao *lavanty.*

CRIER, *vn.* 1° Mihorakoraka, manakora, mihohahoha, minananana, mikiakiaka, midradradradra, mikaikaika, mijafajafa, mikonainaina, maneno, mitsararáka, mikiririoka, migagáka. Ils criaient de toute leur force. *Nihorakoraka, nanakora, nihohahoha, ninananana, nidradradradra* araka izay tratry ny ainy izy ireo. Ne faites pas — cet enfant. Aza

mampikiakiaka, *mampidradradradra, mampikaikaika, mampijafajafa, mampikonainaina* io zaza io re. Il est tellement sourd, qu'il faut — pour se faire entendre de lui. Marenina izaitsizy izy, ka raha tsy *minananana, mikiakiaka, midradradradra* ery tsy reny. Cette femme ne chante pas, elle crie. Tsy mihira io vehivavy io, fa *mikiakiaka* foana. On entendait — les hiboux. Re *naneno, nikiririoka* ny vorondolo. 2° —, Midridridridry. La porte crie. *Midridridridry* ny varavarana. 3° —, Miantso. — au secours. *Miantso* vonjy. On crie au feu. Misy *miantso* hain-trano. 4° *fig.* Miantso, mitaraina, mikafara, maniny, mandevilevy, mikamentsona, mikamenona. — vers le Seigneur. *Miantso* an' Andriamanitra. Il crie à l'injustice. *Mitaraina, mikafara* noho ny fitsara-mitanila izy. — contre le vice. *Maniny* ny ratsy. Il crie après ses enfants. *Mandevilevy*, *mikamentsona, mikamenona* ny zanany izy. Voy. Cri.

—, *va.* 1° Miantso. — une vente. *Miantso* lavanty. — un objet perdu. *Miantso* zavatra very. 2° *fig.* Miantso, mitaraina. Le sang du juste crie vengeance. *Miantso* valy ny ran' ny olo-marina. Elle alla — famine. Lasa izy *nitaraina* hanoanana. 3° —, Milaza, manambara. Ils m'ont trompé, je le crierai sur les toits. Namitaka ahy izy ireo, ka *holazaiko, hambarako* ampahibemaso izany. La conscience nous crie que cela est mal. Ny ao an-tsaintsika *milaza*, etc., fa ratsy izany.

CRIEUR, EUSE, *s.* 1° Mpihorakoraka, mpihohahoha, mpinananana, mpikiakiaka. 2° —, Mpiantso. — public. *Mpiantso* kabary.

CRIME, *sm.* 1° Heloka, fahotana, hadisoana lehibe. — capital. *Heloka* mahafaty. Grand —. *Heloka* be vava. Il fait pénitence de ses crimes. Manao asa fivalozana noho ny *helony, fahotany* izy. L'ingratitude est un —. *Hadisoana lehibe* ny tsy fankasitrahana. ‖ *loc.* Faire un — à quelqu'un de quelque chose. Mampitombo hadisoan' olona, maniny olona amy ny tsara ataony. On lui faisait un — de ses vertus. *Notsinina* noho ny hatsaram-panahiny izy. 2° —, Meloka. Châtier le —. Mamay ny *meloka*.

CRIMINEL, ELLE, *adj.* 1° Meloka. Un homme —. Olo-*meloka*. 2° —, Mahameloka, mahadiso. Pensée criminelle. Hevitra *mahameloka*, etc. Des regards criminels. Fijerena *mahameloka*, etc. 3° —, Momba ny ady maloto. Code —. Bokin' ny lalàna *momba ny ady maloto*.

—, *s.* Olo-meloka, olona nanao heloka. Exécuter un —. Mamono *olo-meloka*. Juger un —. Mitsara *olona nanao heloka*.

CRIMINELLEMENT, *adv.* 1° Mahameloka. Agir —. Manao zavatra *mahameloka*. 2° —, Araka ny fomban' ny ady maloto. Poursuivre quelqu'un —. Mitory olona *araka ny fomban' ny ady maloto*.

CRIN, *sm.* Volon-drambon-tsoavaly, omby, etc., vombon-tsoavaly, liona, etc. Se tenir au — d'un cheval. Mifikitra amy ny *vombon-tsoavaly*.

CRINIÈRE, *sf.* 1° Vombon-tsoavaly na liona. 2° *fig.* Volon-doha lava sady matevina.

CRINOLINE, *sf.* Malakofa.

CRIQUE, *sf.* Helo-dranomasina madinidinika.

CRIQUET, *sm.* 1° Valala vao, — vahiny. Les criquets ont dévasté les rizières. Nanimba ny vary ny *valala vao*, etc. 2° *fig.* Soavaly ratsy.

CRISE, *sf.* 1° Fihetsehan' ny aretina, fiovan' ny aretina. Il a souvent des crises de toux. *Mihetsika* matetika ny kohany. Le malade a eu une — favorable. *Niova* ho tsara ny marary. 2° *fig.* Andro sarotra. Nous sommes dans un moment de —. Efa mby amy ny *andro sarotra* isika.

CRISPATION, *sf.* 1° Fionkina, fikarainkona, fikainkona, fivonkina, fiketrona. 2° *fig.* Fahatezerana, fahadikidikiana.

CRISPER, *va.* 1° Mampionkina, mampikarainkona, mampikainkona, mampivonkina, mampiketrona. Le froid crispe les nerfs. Ny hatsiaka *mampionkina, mampikarainkona, mampikainkona, mampivonkina* ny hozatra. Le froid crispe la peau. *Mampiketrona* ny hoditra ny hatsiaka. 2° *fig.* Mahatezitra, mahadikidiky. Votre nonchalance me crispe. *Mahatezitra*, etc., ahy ny fitsirambindrambinao.

Se crisper, *vpr.* Mionkina, mikarainkona, mikainkona, mivonkina, miketrona. Les cheveux se crispent au feu. *Mionkina, mikarainkona, mikainkona* ny volon-doha raha azon' ny afo.

CRISTAL, *sm.* Vatomazava, kristaly. Verre de —. Gilasy *kristaly*.

CRISTALLIN, INE, *adj.* 1° Hoatry ny vatomazava, — ny kristaly. Formes cristallines. Endriky ny *kristaly.* 2° —, Mangarangarana, mangalahala. Eaux cristallines. Rano *mangarangarana,* etc.

CRISTALLISABLE, *adj.* Mety hanjary hoatry ny kristaly.

CRISTALLISATION, *sf.* Fanjariana hoatry ny kristaly.

CRISTALLISER, *va.* Mampanjary hoatry ny kristaly.

—, *vn.* Manjary hoatry ny kristaly. Le sel marin cristallise. *Manjary hoatry ny kristaly* ny siran-dranomasina.

Se cristalliser, *vpr.* Manjary hoatry ny kristaly.

CRITIQUE, *adj.* 1° Manambara ny fihetsehana na ny fiovan' ny aretina. Signes critiques. Famantarana *manambara ny fihetsehana na ny fiovan' ny aretina.* 2° *fig.* Sarotra, kely ambaitra. Les circonstances sont critiques. *Sarotra,* etc., ny toe-draharaha. 3°—, Manitsy, manakiana, maniny. Il a l'humeur—. Mahery *maniny* izy.

—, *sf.* Fanitsiana, fanakianana, faniniana. Il a fait une bonne—de son discours. *Nanitsy, nanakiana, naniny* ny lahateniny araka ny mety izy. Le sage ne craint pas la — du prochain. Ny olonkendry tsy matahotra ny *fanakianana, faninian'* ny sasany.

—, *sm.* Mpanitsy, mpanakiana, mpaniny. C'est un bon —. Mahay *manitsy, manakiana, maniny* teny izy. C'est un — impitoyable de la conduite des autres. *Mpaniny* ny fitondran-tenan' ny namany lalandava izy.

CRITIQUER, *va.* Manitsy, manakiana, maniny. — un ouvrage. *Manitsy,* etc., boky. — une personne. *Manakiana, maniny* olona.

CROASSEMENT, *sm.* Figagáky ny goaika.

CROASSER, *vn.* 1° Migagáka. 2° — *fig.* Mivalam-peo, tsy mahay mihira.

CROC, *sm.* 1° Farango. Saisir avec un—. *Mamarango.* Pendre de la viande au—. Mananton-kena amy ny *farango.* 2° —, Vangy. Ce chien a de grands crocs. Lava *vangy* io alika io.

CROC-EN-JAMBE, *sm.* 1° Fingana. Donner un—. *Mamingana.* 2° *fig.* Hafetsen-dratsy mba handresy an-tosika. Un courtisan plus adroit lui donna le—. Tandapa anankiray fetsifetsy kokoa *nandresy an-tosika* azy.

CROCHET, *sm.* 1° Farango, motiny, tongo-papango. Un— à pendre une montre. *Farango* fanantonana famantaranandro. Le petit—du bout de l'hameçon. *Motim*-pintana. Cette porte est retenue par un —. Misy *tongo-papango* mihazona io varavarana io. Ouvrir une porte avec un—. Mamoha varavarana amy ny *farango.* 2°—, Vin-korosé. Broder au—. Manao *korosé.*

CROCHETER, *va.* Mamoha amy ny farango.

CROCHETEUR, *sm.* 1° Mpamoha amy ny farango. 2° *fig.* Fakon' olona.

CROCHU, UE, *adj.* 1° Mifaraingo, mifarango. Fer—. Vy *mifaraingo,* etc. 2° *fig.* Avoir les mains crochues. Faingantanana.

CROCODILE, *sm.* 1° Mamba, voay. 2° *fig.* Verser des larmes de—. Mody mitomany eo imaso.

CROIRE, *va.* 1° Mino, matoky. —l'Evanjile. *Mino* ny Evanjely. Il ne croit que ce qu'il voit. Tsy *mino* afa-tsy ny hitany izy. Croyez-vous les médecins? Moa *matoky* ny dokotera va hianao? C'est un menteur avéré, on ne le croit plus. Mpandainga miharihary izy, ka tsy *inoana, itokiana* intsony. Si vous m'en croyez, vous ne ferez pas cela. Raha *matoky* ahy hianao, tsy hanao izany. 2°—, Manao ho, mihevitra. Je crois cela bon. *Ataoko, heveriko* fa tsara izany. Il a cru bien faire. *Nataony* fa mety izany.

—, *vn.* Mino. Bienheureux ceux qui croient. Sambatra izay *mino.* — en Dieu. *Mino* an' Andriamanitra. — aux sorciers. *Mino* fa misy mpamosavy.

Se croire, *vpr.* Manao ny tenany ho, mihambo ho. Il se croit très habile. *Manao ny tenany, mihambo ho* mahay dia mahay izy.

CROISADE, *sf.* Fanafihana nataon' ny kristiana tamy ny Silamo.

CROISÉ, ÉE, *adj.* 1° Mitanam-bokovoko. 2°—, Mifanapaka. Routes croisées. Lálana *mifanapaka.* 3° *fig.* Rester les bras croisés. Manohon-tanana, midonanaka.

—, *sm.* Miaramila nanafika ny Silamo.

CROISÉE, *sf.* Varavaram-pitaratra.

CROISEMENT, *sm.* Fifanapahana.

CROISER, *va.* 1° Manao tanam-bokovoko. ‖ *loc.* — les baïonnettes. Mampiady filo. — les bras. Mamihin-tena.—

les jambes. Mampifanaingin-tongotra. 2°—, Manapaka. Le corbeau croisa le chemin. *Nanapaka* ny lalana ny goaika.
—, *vn*. (Sambo) mandehandeha mitsikilo.
Se croiser, *vpr*. 1° Mitanam-bokovoko. Des branches qui se croisent. Sampankazo *mitanam-bokovoko*. 2°—, Mifanapaka. Ces deux routes se croisent. *Mifanapaka* ireo lalana roa ireo. 3°— Mifanena, mifandiso, mifanerantserana. On se croise souvent sans se rencontrer. Matetika *mifanena* kandrefa tsy mifankahita. Vous vous êtes croisé avec mon père. *Nifandiso* hianao sy ny raiko. Les nacelles se croisaient dans tous les sens. *Nifanerantserana* be hiany ny lakana. 4°—, Nilatsaka ho an' isan'ny mpanafika ny Silamo.
CROISEUR, *sm*. Sambo mpiady mandehandeha mitsikilo.
CROISIÉRE, *sf*. Fandehandehanana mitsikilo. Vaisseau en—. Sambo *mandehandeha mitsikilo*.
CROISILLON, *sm*. Tsivalany. Le — d'une croix. Ny *tsivalan'* ny hazo-fijaliana. Cette croisée a trois croisillons. Misy *tsivalany* telo io varavaram-pitaratra io.
CROISSANCE, *sf*. Fitombo, fitomboana, faniriana. Ce chien prend beaucoup de croissance. *Mitombo* dia mitombo, maroroka io alika io.
CROISSANT, *sm*. 1° Volantsinana. 2° —, Sainan' ny Silamo.
CROISSANT, ANTE, *adj*. Mitombo. Inquiétude croissante. Ahiahy *mitombo*.
CROÎTRE, *vn*. Mitombo, mihalehibe, maniry, mihalava, mitatra. Cet enfant croit. *Mitombo* io zaza io. Les arbres croissent. *Mihalehibe* ny hazo. Les herbes croissent. *Maniry, mihalava* ny ahitra. Cette plante croît dans les plaines. *Maniry* amy ny lemaka io zava-maniry io. La rivière a crû. *Nitombo* ny renirano. La lune commence à—. *Mitombo* ny volana. Les jours croissent. *Mihalava* ny andro. La population crut beaucoup en peu de temps. Vetivety foana dia *nitombo* dia nitombo ny isan' ny mponina. Le bruit croît. *Mitatra* ny tsaho. Il croissait en sagesse. *Nitombo* fahendrena izy.
CROIX, *sf*. 1° Hazo-fijaliana, hazo mitanam-bokovoko, lakroá, sarin' ny hazo-fijaliana, tsipika mitanam-bokovoko. Faites le signe de la—. Ataovy ny famantaran' ny *hazo-fijaliana*.— de S[t] André. *Hazo-fijaliana* miendrika X. Qui est en forme de—. *Mitanam-bokovoko*. Des bâtons disposés en—. Tehina *mitanam-bokovoko*.— pectorale. *Lakroá, sarin' ny hazo-fijaliana* entin' ny eveka ao amy ny tratrany. Marquer quelque chose d'une —. Manamarika zavatra amy ny *sarin' ny hazo-fijaliana, tsipika mitanam-bokovoko*. 2°—, Lakoraona. Il a reçu la —. Nahazo *lakoraona* izy. 3° *fig*. Hazo-fijaliana, fivavahana kristiana, fahoriana, fijaliana. La — a triomphé. Nandresy ny *hazo-fijaliana, fivavahana kristiana*. Il faut que chacun porte sa — en ce monde. Samy tsy maintsy hitondra ny *hazo-fijaliany, fahoriany, fijaliany* avy eto ambonin' ny tany.
CROQUANT, ANTE, *adj*. Mikarepoka, mikepokepoka. Biscuit—. Biskoitra *mikarepoka*, etc.
CROQUE-MITAINE, *sm*. Kakabenify, songomby.
CROQUE-MORT, *sm*. Mpitondra faty.
CROQUER, *vn*. Mikarepoka, mikepokepoka. Ces dragées croquent. *Mikarepoka*, etc., ireo darazay ireo.
—, *va*. 1° Mikepoka, mandrapaka. — des dragées. *Mikepoka* darazay. Il croqua deux poulets en moins de rien. *Nikepoka, nandrapaka* akoho roa vetivety foana izy. 2°—, Manao ambangovangontsary. 3° *fig*. —le marmot. Miandry ela, mitonáka ela. Cet enfant est gentil à —, Mahafatifaty io zaza kely io.
CROQUEUR, EUSE, *s*. Mpikepoka. mpandrapaka.
CROQUIS, *sm*. 1° Ambangovangon-tsary. 2° —, Ambangovangon-daha-teny.
CROSSE, *sf*. 1° Tehin' ny eveka. 2°—, Vody basy. —de fusil. *Vody basy*. Ils l'assommèrent à coups de—. Tamy ny *vody basy* no namonoan' izy ireo azy.
CROTTE, *sf*. 1° Fotaka, rihi-potaka. 2°—, Tain' ondry, tain' osy, taim-boalavo, etc.
CROTTÉ, ÉE, *adj*. Feno fotaka, feno rihipotaka. Habit—. Akanjo *feno fotaka*, etc.
CROTTER, *va*. Mameno fotaka, — rihipotaka.
Se crotter, *vpr*. Feno fotaka, — rihi-potaka.
CROTTIN, *sm*. Tain-tsoavaly, — ondry, etc.
CROULANT, ANTE, *adj*. Mirodana, mianjera, mikoa, mietsaka. Des murs croulants. Ampiantany *mirodana*, etc.
CROULEMENT, *sm*. Firodanana, fianjera, fikoa, fietsaka.

CROULER, *vn.* 1° Mirodana, mianjera, mikoa, mietsaka. La maison croule. *Mirodana,* etc., ny trano. 2° *fig.* Efa ho levona, rava. L'empire croule. *Efa ho levona,* etc., ny fanjakana.

CROUP, *sm.* Aretin-tenda mahafaty, so-. minda.

CROUPE, *sf.* 1° Nongom-bodin-tsoavaly, — ramolé, etc. Le cheval est blessé sur la —. Maratra ny *nongom-bodin-tsoavaly.* || *loc.* Monter en —. Manao taingin-droa. 2° —. Tampon-tendrombohitra. Sa maison est située sur la — de la montagne. Eny *an-tampon' ny tendrombohitra* ny tranony.

CROUPI, IE, *adj.* Masiso. Eau croupie. Rano *masiso.*

CROUPIÈRE, *sf.* 1° Sakan-drambo. 2° *fig.* Tailler des croupières à quelqu'un. Manangan-tsampona olona.

CROUPION, *sm.* Vody vorona. — de poulet. *Vody* akoho.

CROUPIR, *vn.* 1° Mihandrona, masiso. Les eaux qui croupissent deviennent puantes. Mihamaimbo ny rano *mihandrona.* 2° *fig.* —dans l'oisiveté. Midonana-poana. — dans le vice. Milentika anatin' ny fahararatsiana.

CROUPISSANT, ANTE, *adj.* Mihandrona, masiso. Eau croupissante. *Rano mihandrona,* etc.

CROUSTILLER, *vn.* Homana hodi-mofo.

CROUSTILLEUX, EUSE, *adj.* Tsy mety. Histoire croustilleuse. Tantara *tsy mety.*

CROÛTE, *sf.* 1° Hodi-mofo. 2° —, Zavatra miraikitra mihamafy amy ny zavatra hafa, tako-pery, taikombin-doha. Il s'est formé une — au fond de la bouteille. Misy *loto niraikitra nihamafy* amy ny vody tavoahangy. Quand une gale sèche, il s'y forme une —. Raha mihamaina ny hatina, dia *manako-pery.* — de la tête des enfants nouveau-nés. *Taikombin-doha.* 3° —, Sary ratsy hoso-doko.

CROÛTON, *sm.* Tapa-kodi-mofo.

CROYABLE, *adj.* Azo inoana. Ce que vous dites est —. *Azo inoana* izay lazainao.

CROYANCE, *sf.* 1° Finoana. Telle est ma —. Izany no *finoako.* Cela ne mérite aucune —. Tsy tokony *hinoana* akory izany. La — des chrétiens. Ny *finoan'* ny kristiana. 2° —, Hevitra, fiheverana. Cela est arrivé contre la — de tout le monde. Tsy araka ny *hevitra,* etc., ny olona ny nahatongavan' izany.

CROYANT, ANTE, *adj.* et *s.* Mino, mpino.

CRU, *sm.* 1° Tany ihaviam-bokatra. C'est du vin de mon —. *Vokatry ny taniko* io divay io. Ce vin est d'un bon —. *Vokatry ny tany* tsara io divay io. 2° *fig.* Famoronana. Cette histoire est de votre—. *Noforoninao* izany tantara izany.

CRU, UE, *adj.* 1° Manta. Viande crue. Hena *manta.* || *loc.* À demi —. Mantoanto. Cela se mange à demi —. Fihinana *mantoanto* izany. 2° *fig.* Mafy, tsy mety. Il lui a fait une réponse fort crue. Nanao valin-teny *mafy* loatra taminy izy. Ils ont tenu des discours un peu trop crus. Nanao resaka *tsy metimety* loatra izy ireo.

CRUAUTÉ, *sf.* Hasiahana, halozana. La — du lion. Ny *hasiahan'* ny liona. Exercer des cruautés. Mampiseho *hasiahana,* etc.

CRUCHE, *sf.* 1° Siny. 2° *fig.* Donto saina, donána velona, taraiky.

CRUCHÉE, *sf.* Eran' ny siny.

CRUCHON, *sm.* Siny kely, tavoara, iray tavoara. Vendez-moi un — de bière. Ivaroty labiera *iray tavoara* aho.

CRUCIAL, ALE, *adj.* Mitanam-bokovoko. Faire une incision cruciale. Mandidy *mitanam-bokovoko.*

CRUCIFIÉ, ÉE, *adj.* Mifantsika amy ny hazo-fijaliana.

CRUCIFIEMENT, *sm.* Famantsihana amy ny hazo-fijaliana, fifantsihana —.

CRUCIFIER, *va.* Mamantsika amy ny hazo-fijaliana. Les Juifs crucifièrent Notre-Seigneur. *Nofantsihan'* ny Jody *tamy ny hazo-fijaliana* ny Tompontsika.

CRUCIFIX, *sm.* Sariny Jeso-Kristy mifantsika.

CRUCIFORME, *adj.* Mitanam-bokovoko.

CRUDITÉ, *sf.* 1° Hamanta, zavatra manta. Manger des crudités. Homan-*java-manta.* 2° *fig.* Teny tsy mety. Dire des crudités. Milaza *teny tsy mety.*

CRUE, *sf.* Fitombo, fitomboana. La — des eaux. Ny *fitombon'* ny rano. Cet enfant n'a pas pris toute sa —. Tsy mbola tapi-*pitomboana* io zaza kely io.

CRUEL, ELLE, *adj.* 1° Masiaka, lozabe. Homme—. Olo-*masiaka,* etc. Père—,

Ray *lozabe.* 2°—, Mampiseho hasiahana. Ordre —. Didy *mampiseho hasiahana.* 3°—, Mafy. Peine cruelle. Alahelo *mafy.*

—, s. Olo-masiaka, — lozabe.

CRUELLEMENT, *adv.* Amin-kasiahana, amin-kalozana, tsy nitondrana roa. Il fut frappé —. Nokapohina *amin-kasiahana,* etc., izy.

CRÛMENT, *adv.* An-tsapatsapaka. Dire une chose —. Manao teny *an-tsapatsapaka.*

CRURAL, ALE, *adj.* Amy ny fe. Le nerf —. Ny hoza-*pe.*

CUBE, *sm.* 1° Sokera enin-dafy mitovy. Les dés ont la forme du—. Ny kodiakely dia *sokera enin-dafy mitovy.* Mètre—. Metatra *sokera enin-dafy mitovy.* 2°—, Isa mifampitombo indroa, kioba. Cent vingt-cinq est le—de cinq. Dimy amby roapolo amby zato no dimy *mifampitombo indroa,* no *kioban'* ny dimy.

CUBER, *va.* 1° Mandrefy amy ny metatra na amy ny dia sokera enin-dafy mitovy. 2°—, Mampitombo indroa ny isa anankiray.

CUBIQUE, *adj.* 1° Momba ny sokera enin-dafy mitovy. De figure —. Miendri-*tsokera enin-dafy mitovy.* 2° —, Momba ny kioba. Cinq est la racine — de cent vingt-cinq. Dimy ny foto-*kioban'* ny dimy amby roapolo amby zato.

CUBITUS, *sm* Taolan-tsandry ambany sady anaty.

CUCURBITACÉE, *adj. f.* et *sf. pl.* Karazan-java-maniry toy ny voatavo, ny voanketsihetsy, etc.

CUEILLETTE, *sf.* Fiotazana. J'ai fait la—des pommes. Efa *nioty* ny poma aho.

CUEILLIR, *va.* Mioty, mitsongo. —des raisins. *Mioty* voaloboka. —des fleurs. *Mioty,* etc., voninkazo.

Se cueillir, *vpr.* Otazana, tsongoina.

CUILLER ou **CUILLÈRE,** *sf.* Sotro. Grande —. *Sotrobe.* —à soupe. *Sotro* lehibe. —à café. *Sotron*-kafé. — en argent. *Sotro* vola.

CUILLERÉE, *sf.* Eran' ny sotro, indrain-tsotro. Prenez tous les matins une —de ce remède. Isotroy *eran' ny sotro,* etc., isa-maraina ity fanafody ity.

CUIR, *sm.* 1° Hodi-biby matevina. L'âne a le —très épais. *Matevina* dia matevina ny *hoditr'* ampondra. 2° —, Hoditra nalóna. — de vache. *Hoditr'* ombivavy *nalóna.*

CUIRASSE, *sf.* Akanjo vy fiarovan-tratra.

CUIRASSÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Miakanjo vy. Cet homme est toujours —. *Miakanjo vy* mandrakariva io lehilahy io. 2°—, Mifono vy. Vaisseau —. Sambo *mifono vy.* 3° *fig.* Miaritra fanesoana, tsy manana eritreritra, tsy mahare rohona, tsy mihontsina.

CUIRASSER, *va.* 1° Mampiakanjo vy. 2° —, Mamono vy.

Se cuirasser, *vpr.* 1° Miakanjo vy. 2° *fig.* Mivonon-kiaritra.

CUIRASSIER, *sm.* Miaramila miakanjo vy.

CUIRE, *va.* Mahandro, mitanika, mandoro. —du pain. *Mahandro* mofo. —de la chaux. *Mandoro* sokay.

—, *vn.* 1° Andrahoina, tanehina, dorana. La viande cuit. *Andrahoina, tanehina* ny hena. Faire—dans l'eau. *Mahandro, mitanika.* La brique ne saurait —dans ce fourneau. Tsy azo *dorana* amin' io lafaoro io ny biriky tanimanga. 2° *fig.* Mangirifiry, manaintaina. Les yeux me cuisent. *Mangirifiry* ny masoko. Trop gratter cuit, trop parler nuit. *Hangirifiry* izay tia haotra, ary izay be teny loatra ho voasingotry ny vavany. ‖ *loc.* En—. Manenina. Il lui en cuira. *Hanenina* izy.

Se cuire, *vpr.* Andrahoina, tanehina, dorana.

CUISANT, ANTE, *adj.* 1° Mangirifiry, manaintaina, manaikitra. Cette brûlure me fait éprouver une douleur cuisante. *Mangirifiry,*etc., ahy mafy io may io. Froid—. Hatsiaka *manaikitra.* 2° *fig.* Manindrona mafy. Il éprouve un remords—. *Manindrona* azy *mafy* ny nenina.

CUISINE, *sf.* 1° Lakozina. Chef de—. Talen-*dakozina.* 2°—, Nahandro, fandrahoana. Bonne—. *Nahandro* tsara. Faire la—. *Mahandro.* Il sait bien la—. Mahay *mahandro* izy.

CUISINER, *vn.* Mahandro.

CUISINIER, IÈRE, *s.* Mpahandro, mpanao lakozina.

CUISSE, *sf.* Fe.—de poulet. *Fen'* akoho.

CUISSON, *sf.* 1° Fandrahoana, fitanehana, fandoroana, hamasaka, hamasahana, fahamasahana. Il manque à ce pain un peu de—. Tsy tsara *masaka* io mofo io. 2° *fig.* Fangirifiry, fanaintaina.

CUISTRE, *sm.* Mpirehaka.

CUIT, ITE, *p.* et *adj.* 1° Nandrahoina, voatanika, notanehina, voadotra, nodorana, masaka. Statue cuite. Sariolona *voadotra.* Mal —. Ratsy *masaka,* lozotra. ‖ *loc.* A demi—. Mantoanto. Trop— et trop mou. — Mohaka, motraka. Riz trop — et trop mou. Vary *mohaka.* Manioc trop — et trop mou. Mangahazo *motraka.* Trop—et fendillé. Haraka afo. Ces marmites en terre sont trop cuites et fendillées. *Haraka afo* ireo vilany tany ireo. 2° *fig.* Avoir son pain—. Manan-ko hanina.

CUITE, *sf.* 1° Fandoroana, dotra. 2°—, Indray mandoro. Toute la—de brique est perdue. Tsy vanona ny biriky *indray nandoro.*

CUIVRE, *sm.* Varahina. —rouge. *Varahi*-mena. Lingot de—rouge. Anja-*barahi*-mena.

CUIVRÉ, ÉE, *adj.* Mivolom-barahina. Teint—. Tarehy *mivolom-barahina.*

CUIVRER, *va.* Manao ankoso-barahina.

Se cuivrer, *vpr.* Mivolom-barahina.

CUL, *sm.* Vody. Le — d'une bouteille. Ny *vody* tavoahangy. Le — d'une poêle. Ny *vody* lapoaly.

CULASSE, *sf.* Vody basy, — tafondro.

CULBUTE, *sf.* 1° Tsimbadika. 2°—, Fahalavoana, fahapotrahana, fianjerana. Faire la —. *Lavo, potraka, mianjera; fig.* miongana, resy an-tosika, lany harena.

CULBUTER, *va.* 1° Mandavo, mamotraka, manjera. 2° *fig.* Mandresy antosika. Cette compagnie a culbuté toutes les compagnies rivales. *Nandresy an-tosika* ny kompaný rehetra nifaninana taminy izany kompaný izany.

—, *vn.* 1° Lavo, potraka, mianjera. Il fit un faux pas et culbuta du haut en bas de l'escalier. Tafintohina izy ka *lavo,* etc., nikodiadia tamy ny tohatra. 2° *fig.* Resy an-tosika, lany harena. Ce banquier a culbuté. *Resy an-tosika,* etc., io mpanao banky io.

CUL-DE-JATTE, *sm.* Olona mandady, — mikisaka.

CUL-DE-SAC, *sm.* Lálana tampina.

CULINAIRE, *adj.* Momba ny nahandro. L'art —. Ny fahaizàna *mahandro.*

CULMINANT, ANTE, *adj.* Avo indrindra. Le point — d'une chaine de montagnes. Ny *avo indrindra* amy ny tendrombohitra mitandavana.

CULOTTE, *sf.* 1° Pataloha halohalika. 2° *fig.* Cette femme porte—. Akohovavy maneno io vehivavy io.

CULPABILITÉ, *sf.* Hamelohana, fahamelohana, hadisoana. On n'a pu prouver sa—. Tsy azo nohamarinina fa *meloka, diso* izy.

CULTE, *sm.* 1° Fanajana, fivavahana, fanompoana. Rendez à Dieu le — qui lui est dû. Ataovy amin' Andriamanitra ny *fanajana,* etc., izay tsy maintsy hatao aminy. Rejetez le — des idoles. Ario ny *fanompoan*-tsampy. Le — des chrétiens. Ny *fivavahan'* ny kristiana. Changer de—. Mifindra *fivavahana.* 2° *fig.* Fanajana. Il a pour sa mère un véritable —. *Manaja* dia manaja an-dreniny izy.

CULTIVABLE, *adj.* Azo asaina, azo volena.

CULTIVATEUR, TRICE, *s.* Mpiasa tany, mpamboly.

CULTIVÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Voasa, nasaina, voavoly, novolena. Terrain bien —. Tany *voasa,* etc., tsara. 2° *fig.* Nahita fianarana. C'est un esprit—. Olona *nahita fianarana* izy.

CULTIVER, *va.* 1° Miasa tany, mamboly. Il cultive bien son jardin. *Asainy, voleny* tsara ny tanimboliny. 2° *fig.* Mampiasa, milozoka mianatra. Il cultive tous les jours son esprit. *Mampiasa* ny sainy isan' andro izy. Il cultive l'éloquence. *Milozoka mianatra* ny fahaiza-mandaha-teny izy. 3°—, Mitana, manamafy. — l'amitié de quelqu'un, *ou* — quelqu'un. *Mitana,* etc., ny fifankatiavana amin' olona anankiray.

Se cultiver, *vpr.* Asaina, volena.

CULTURE, *sf.* 1° Fiasan-tany, fambolena. La — rend le sol fertile. Ny *fiasana* ny *tany* no mahalonaka azy. La—du blé réussit près de la forêt. Vanona ny *fambolena* varim-bazaha any akaikin' ny ala. 2° —, Voly, vary, etc. Mes cultures sont en bon état. Tsara ny toetry ny *voliko,* etc. 3°—, Fiompiana. Il se livre à la—des abeilles. *Miompy* renitantely izy. 4° *fig.* Fampiasana, fianarana. C'est un esprit sans —. Olona tsy nahita *fianarana* izy.

CUMUL, *sm.* Fanaovana raharaha roa sosona.

CUMULER, *va.* Manao raharaha roa sosona.

CUPIDE, *adj.* Tia harena loatra, matimatin-karena.

CUPIDITÉ, *sf.* Fitiavan-karena loatra.
CURAGE, *sm.* Fandoaram-potaka.
CURATELLE, *sf.* Fiahiana ny fananan' olona sasany, toy ny kamboty mbola tsy maoty, etc.
CURATEUR, *sm.* Olona voatendrin' ny fanjakana mba hiahy ny fananan'olona sasany, toy ny kamboty mbola tsy maoty, etc.
CURATIF, IVE, *adj.* Mahasitrana.
—, *sm.* Fanafody mahasitrana.
CURE, *sf.* 1° Fahasitranana. La — a été heureuse. *Sitrana* soa aman-tsara izy. Il n'a pas réussi dans cette —. Tsy nahomby mba *hanasitrana* azy izy. 2° —, Fiangonana. 3°—, Tranon' ny *curé.*
CURÉ, *sm.* Protra miadidy fiangonana anankiray.
CURE-DENT, *sm.* Fisokira-nify.
CURÉE, *sf.* 1° Anjara haza omena ny alika. 2° *fig.* Etre âpre à la —. Matimatin-karena, tia kely.
CURE-OREILLE, *sm.* Fisokiran-tsofina.
CURER, *va.* Mandoatra fotaka, misokitra. — un puits. *Mandoatra fotaka* amy ny fantsakana. — les oreilles. *Misoki*-tsofina.
Se curer, *vpr.* Misokitra. Il se cure les dents. *Misoki*-nify izy.
CUREUR, *sm.* Mpandoa-potaka.
CURIAL, ALE, *adj.* Any ny *curé.*
CURIEUSEMENT, *adv.* Amim-pahalianana te-hizaha, — te-hijery, — te-hihaino, — ta-hahalala, etc.
CURIEUX, EUSE, *adj.* 1° Liana te-hizaha, — te-hijery, — te-hihaino, — ta-hahalala, etc. Il est — de nouvelles. *Liana ta-hahalala* zava-baovao izy. Vous venez écouter à ma porte, vous êtes bien —. Mihaino eto am-baravarako hianao, *liana te-hihaino* loatra hianao izany. 2° —, Mahate-hizaha, mahate-hijery, mahate-hihaino, mahagaga. C'est une montre curieuse. Famantaranandro *mahate-hizaha, mahate-hijery, mahagaga* izany.
—, *s.* Olona te-hizaha, — te-hijery, — te-hihaino, — ta-hahalala, etc.
—, *sm.* Ny mahagaga. Voici le — de l'affaire. Ity *no mahagaga* amin' izany raharaha izany.
CURIOSITÉ, *sf.* 1° Fahalianan-kizaha, — hijery, — hihaino, — hahalala, etc. Il eut la — de l'entendre. *Lian-kihaino* azy izy. 2° —, Zavatra mahate-hizaha, — mahate-hijery, — mahate-hihaino, — mahagaga. Sa maison est pleine de curiosités. Feno *zavatra mahate-hizaha, — mahate-hijery, — mahagaga* ny tranony.
CURSIF, IVE, *adj.* Faingana. Ecriture cursive. Sora-*paingana.*
—, *sf.* Sora-paingana.
CUTANÉ, ÉE, *adj.* Momba ny hoditra. Maladie cutanée. Aretin-*koditra.*
CUVE, *sf.* Barika fandomana voaloboka, — labiera, etc.
CUVÉE, *sf.* Eran' ny barika fandomana,
CUVER, *vn.* Miketriketrika, mamorivory. C'est du vin qui n'a point cuvé. Tsy *niketriketrika,* etc., io divay io.
—, *va.*— son vin. Mampisava hamamoana amy ny torimaso.
CUVETTE, *sf.* Tavin-drano. ‖ *loc.* La— d'un baromètre. Ny vodin' ny fantsompitaratra amy ny barométra.
CYCLE, *sm.* Fitsingerenana.
CYCLONE, *sm.* Tafio-drivotra.
CYGNE, *sm.* Karazam-borona ohatry ny vorombe.
CYLINDRE, *sm.* Kodiaran-dava. Il faut faire passer le—sur ces allées. Tokony hakodia ao amin'ireo arabe ireo ny *kodiaran-dava.* ‖ *loc.*— pour moudre les cannes. Fangarinana, fanolanana.
CYMBALE, *sf.* Kipantsona.
CYNIQUE, *adj.* Mialikalika fanahy, vetaveta. Homme—. Olona *mialikalika fanahy,* etc. Langage—. Teny *vetaveta*
CYNISME, *sm.* Fialikalikana, havetavetana. Le— de sa conduite est révoltant. Maharikoriko ny *havetavetan'* ny fitondran-tenany.
CYPRÈS, *sm.* Karazan-kazo famboly amy ny tokotany fandevenana.
CYTISE, *sm.* Karazan-kazo madinika.
CZAR, *sm.* Anarana fanononana ny mpanjakany Rosia.
CZARINE, *sf.* Vadin' ny *czar.*

D

DAGUE, *sf.* Karazan-defom-pohy.
DAHLIA, *sm.* Daliá.
DAIGNER, *va.* Sitraka. Il n'a pas daigné me répondre. Tsy *sitrany* ny hamaly ahy. Voy. PLAIRE, *v. imp.*
DAIM, *sm.* Karazam-biby dia mitovitovy amy ny serfa.
DAIS, *sm.* 1° Tataro. Autel surmonté d'un—. Otely misy *tataro.* 2°—, Eloelo lehibe fitondrana ny sakramenta masina.
DALLAGE, *sm.* 1° Fandrafetana ngorodom-bato, fanaovana lampivato. 2°—, Lampivato. Un beau—. *Lampivato* tsara tarehy.
DALLE, *sf.* Ngorodom-bato, lampivato. Eglise pavée de dalles. Trano leglizy misy *ngorodom-bato,* etc.
DALLER, *va.* Mandrafitra ngorodom-bato, manao lampivato.
DAMAS, *sm.* Damá.
DAMASSÉ, ÉE, *adj.* Damá. Linge—. Lamba *damá.*
—, *sm.* Lamba damá.
DAMASSER, *va.* Manenona lamba damá.
DAMASSURE, *sf.* Sora-damá.
DAME, *sf.* 1° Vehivavy manam-bady, ramatoa, vehivavy. La— une telle. *Ramatoa* Ranona. Il est civil avec les dames. Mahay manaja ny *vehivavy* izy. 2°—, Andriambavy. —de cœur. *Andriambavin'* ny samamena. 3°—, Dáma, vaton-dáma, vaton-dáma mifanongoa. Jouer aux dames. Manao *dáma.* —touchée, —jouée. Raha voakasika ny *vaton-dáma,* dia tsy maintsy hampandehanina.
DAME, *int.* E! ehe! Mais, —, oui! *E,* izany tokoa! O! —, non! *Ehe,* tsia!
DAME-JEANNE, *sf.* Damizana.
DAMER, *va.* 1° Mampifanongoa vaton-dáma. 2° *fig.* — le pion à quelqu'un. Mandresy olona.
DAMIER, *sm.* Dáma.
DAMNABLE, *adj.* 1° Mahavery mandrakizay. C'est un crime —, Heloka *mahavery mandrakizay* izany. 2°—, Mampahita loza, ratsy izaitsizy. Maxime—. Foto-kevitra *mampahita loza,* etc. Projet —. Fikasana *ratsy izaitsizy.*
DAMNATION, *sf.* Fahaverezana mandrakizay.
DAMNÉ, ÉE, *adj.* et *s.* 1° Very, olombery. 2° *fig.* C'est son âme damnée. Manaiky azy an-jamba izy, na dia amy ny zavatra ratsy aza.
DAMNER, *va.* 1° Mahavery mandrakizay, mamery—. Dieu damnera les pécheurs. Andriamanitra *hahavery, hamery mandrakizay* ny mpanota. Ce sont nos actions qui nous damnent. Ny ataontsika hiany no *mahavery* antsika *mandrakizay.* 2° —, Manao ho very mandrakizay. Ils damnent tous ceux qui n'ont pas leur croyance. *Ataon'* izy ireo *ho very mandrakizay* izay rehetra tsy miray finoana aminy. 3° *fig.* Mampijaly. Il a une femme qui le fait —. Manam-bady *mampijaly* azy izy.
Se damner, *vpr.* Mamery tena mandrakizay.
DAMOISEAU, *sm.* Mpanangolangola ny vehivavy.
DANDINEMENT, *sm.* Fidoladola.
DANDINER, *vn.* Midoladola.
Se dandiner, *vpr.* Midoladola.
DANGER, *sm.* Zavatra mahatahotra, — atahorana, —mampahita loza, —mampidi-doza, loza. Il est en — de mort. *Mahatahotra,* misy *atahorana* fa toa ho faty izy. Il y a du — à passer la rivière. *Mahatahotra* hiany ny mita ny renirano. En ce moment il court un grand —. Mila *hahita loza* izy ankehitriny. Il a couru un grand — dans la dernière bataille. Saika nahita *loza* izy tamy ny ady farany teo. S'exposer au—. Manaton-*doza.* Il est hors de —. Afa-*doza* izy.
DANGEREUSEMENT, *adv.* Mahatahotra, mampiahiahy, mafy. Il est — malade. *Mampiahiahy* ny marary, marary *mafy* izy.
DANGEREUX, EUSE, *adj.* Mahatahotra, mampatahotra, atahorana, mampahita loza, mampidi-doza, mamohehatra, mampiahiahy, mandoza. C'est un chemin—. Lálana *mahatahotra, mampatahotra* izany. Il est — de naviguer sur cette mer. *Mampahita loza, mam-*

pidi-doza, mamohehatra ny miantsambo amin' ity ranomasina ity. C'est une blessure dangereuse. *Mampiahiahy* io ratra io. C'est un homme—. Olona *mampiahiahy, mandoza* izy. Liaisons dangereuses. Fifankatiavana *mampahita loza, mampidi-doza, mamohehatra, mandoza.*

DANS, *prép.* 1° Anaty, ao an...,amy. Le livre est — l'armoire. Ao *anaty* lalomoara ny boky. L'épée lui est entrée bien avant — le corps. Niditra lalina tao *anatin'* ny vatany ny sabatra. Il est — sa maison. *Ao an*-tranony izy. Ce passage est — ce livre. Ao *anaty, amin'* io boky io ireo teny ireo. Ils moururent tous — l'année. Maty tao *anatin'* ny taona izy rehetra. Il devient très habile — cette science. Mandroso dia mandroso *amin'* izany fahaizana izany izy. || *loc.* Vivre — l'oisiveté. Midonanaka. Il est—la misère. Mahantra izy. Il est — un grand embarras. Sahirana dia sahirana izy. 2°—, Raha afaka. Je reviendrai — un an. Hiverina aho *raha afaka* herintaona.

DANSANT, ANTE, *adj.* Mampandihy. Air—. Hira *mampandihy.*

DANSE, *sf.* Dihy, danisé, fandihy. Il y eut des danses à cette fête. Nisy *dihy* tamin' izany fety izany. —européenne. *Danisé.* Il a une — aisée. Mahay *mandihy* izy.

DANSER, *vn.* 1° Mandihy, manao danisé. — sur la corde. *Mandihy* ambony mahazaka. 2° *fig.* Ne savoir sur quel pied—. Misalasala, sanganehana, miroahana.

DANSEUR, EUSE, *s.* Mpandihy, mpanao danisé.

DARD, *sm.* 1° Longy. Lancer un—. Manipy *longy.* 2°—, Motiny. Le — de la guêpe. Ny *motin'* ny takolapanenitra. 3° *fig.* Teny manindrona.

DARDER, *va.* 1° Manindrona. —une baleine. *Manindrona* trozona. 2°—, Manipy, mandefa. —un poignard. *Manipy* lefom-pohy. L'abeille darde son aiguillon. *Mandefa* ny motiny ny renitantely. 3° *fig.* Mandefa. Le soleil darde ses rayons. *Mandefa* ny tsirim-pahazavany ny masoandro.

DARTRE, *sf.* Aretin-koditra toy ny anakandro, kimavo, holamena. — farineuse. *Kimavo.* —qui annonce la lèpre. *Holamena.*

DARTREUX, EUSE, *adj.* et *s.* 1° Ma-rarin' ny aretin-koditra toy ny anakandro, etc., anakandroina. 2°—, Momba ny anakandro, etc.

DATE, *sf.* 1° Andro. La lettre n'a pas de—. Tsy misy *andro* ny taratasy. 2°—, Andro nisehoan-javatra. On ne connait pas la — de cet événement. Tsy fantatra ny *andro nisehoan'* izany. 4° *fig.* Amitié d'ancienne—, de nouvelle—. Fisakaizana ela, —vaovao.

DATER, *va.* Manisy andro. —une lettre. *Manisy andro* amy ny taratasy.

—, *vn.* 1° Manomboka, miantomboka. Cette affaire date d'hier. *Nanomboka, niantomboka* omaly izany raharaha izany. 2°—, Malaza. Cet événement date dans ma vie. *Malaza* amy ny andro niainako izany zavatra izany.

Se dater, *vpr.* Asiana andro.

DATTE, *sf.* Voan' antrendry.

DATTIER, *sm.* Fototr' antrendry.

DATURA, *sm.* Ramiary.

DAUBE, *sf.* Ladobo.

DAUBER, *va.* 1° Manao ladobo. 2°—, Mamely totohondry, mandoboka —. 3° *fig.* Manaraby, manaratsy.

Se dauber, *vpr.* Mifamely totohondry.

DAUPHIN, *sm.* 1° Hazandrano lehibe mitovitovy amy ny lambon-drano. 2°—, Zanaka lahimatoan' ny mpanjakany Frantsa fahiny.

DAVANTAGE, *adv.* 1° Bebe kokoa, kokoa. Demain je vous en dirai—. Rahampitso aho hilaza *bebe kokoa* aminao. Cela me plait—. Tiako *kokoa* izany. 2°—, Intsony. Ne restez pas—. Aza miatoato *intsony.*

DAVIER, *sm.* Tandra fanala-nify.

DE, *prép.* 1° N', ny. La maison— mon père. Ny tranon' ikaky. La bourse — Paul. Ny kitapony Paoly. Le roi de France. Ny mpanjakany Frantsa. Il est aimé — tout le monde. Tian' ny olon-drehetra izy. 2°—, Amy, ao an-, an-, any, vao. L'un d'entre eux. Ny anankiray *amin'* ireo. Les gens — la maison. Ny olona *ao an*-trano. Faire entrer quelqu'un— force. Mampiditra olona *an*-kery. Il vient—la campagne. Avy *any* an-tsaha izy. Il vient—sortir. *Vao* nivoaka teo izy. Il sort—prison. Afaka *amy* ny tranomaizina izy. 3°—, Hatrany, hatramy. Il est allé—Paris à Rome. Nandeha *hatrany* Parisy ka hatrany Roma izy. Du matin au soir. *Hatramy* ny maraina ka hatramy ny hariva. Je n'ai jamais—ma vie

ressenti une aussi grande joie. Tsy mbola nahita hafaliana lehibe tahaka izany aho *hatramy* ny nahavakian' ny voamasoko. 4°—, Momba, anisa, araka, ho, forme relative, infinitif, régime direct, etc. Cours d'histoire. Fampianarana *momba* ny tantara. Je suis—vos amis. *Anisan'* ny sakaizanao aho. —l'aveu de tout le monde. *Araka* ny hevitry ny be sy ny maro. Il a—quoi manger. Manan-*ho* hanina izy. Mangez—cette soupe. *Ihinano* ity lasopy ity. Dites-lui—venir. Asaovy *mankaty* izy. Boire—l'eau. Misotro *rano*. Manger du pain. Homa-*mofo*. ‖ *loc.* Cuillère d'or. Sotro volamena. Homme —cœur. Olona mahery fo. Il est âgé— trente ans. Telopolo taona izy. Partir— nuit. Miainga alina. —jour en jour. Isan' andro. —cinq ans en cinq ans. Isan-dimy taona. Aller—maison en maison. Mitety trano. Parler—quelqu'un. Miresaka olona. Craindre—mourir. Matahotra ny ho faty.

DÉ, *sm.* 1° Fanosehana, ledé. 2°—, Kodiakely. Jouer aux dés. Manao *kodiakely.*

DÉBÂCLE, *sf.* 1° Fivakian' ny ranomandry amy ny renirano. La rivière grossit, il faut se préparer à la—. Mitombo ny renirano, fa tokony ho *vaky ny ranomandry.* 2° *fig.* Faharavana. Il y a eu —dans sa fortune. *Rava* ny hareny.

DÉBALLAGE, *sm.* Famborahana entana.

DÉBALLER, *va.* Mamboraka. —des marchandises. *Mamboraka* entam-barotra.

DÉBANDADE, *sf.* Fipariahana, fiparitahana, fisafotofotoana, fikorontanana. Les soldats s'enfuirent à la—. Nandositra *nipariaka, niparitaka* ny miaramila. Il a laissé tout à la—. Navelany *hisafotofoto, hikorontana* ny zavatra rehetra.

DÉBANDEMENT, *sm.* Fipariahana, fiparitahana.

DÉBANDER, *va.* 1° Mamaha fehy. Débandez cette plaie. *Vahao* io *fehim*-pery io. 2°—. Manaketraka. Débandez l'arc. *Ketraho* ny tsipika.

Se débander, *vpr.* 1° Mamaha. Débandez-vous les yeux. *Vahao* ny tampi-masonao. 2°—, Mihaketraka. L'arc s'est débandé. *Nihaketraka* ny tsipika. 3°—, Mipariaka, miparitaka. L'armée s'est débandée. *Nipariaka, niparitaka* ny miaramila. 4° *fig.* Se — l'esprit. Manala sasatra ny saina.

DÉBARBOUILLER, *va.* Manasa tavan' olona. —un enfant. *Manasa tavan*-jaza kely.

Se débarbouiller, *vpr.* Manasa tava.

DÉBARCADÈRE, *sm.* Fitodian-dakana, —tsalopy.

DÉBARQUÉ, ÉE, *adj.* et *s.* Tafakatra an-tanety, tonga. Voici un nouveau —. Itsiana olona vao *tafakatra an-tanety*, vao *tonga.*

DÉBARQUEMENT, *sm.* Fiakarana an-tanety, fampakarana olona na entana an-tanety. Des troupes de —. Miaramila *ampakarina an-tanety* mba hiady.

DÉBARQUER, *va.* Mampakatra an-tanety. —les passagers. *Mampakatra an-tanety* ny mpiantsambo. —des marchandises. *Mampakatra* entam-barotra *an-tanety.*

—, *vn.* Miakatra an-tanety. Il débarqua en Angleterre. *Niakatra an-tanety* tany Englanda izy.

DÉBARRAS, *sm.* Fahafahana amy ny fahasahiranana.

DÉBARRASSÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Voasava, nosavana, nesorina, nalana. 2° *fig.* Afaka. —de tout souci. *Afa*-karatsaka, *afaka* ahiahy.

DÉBARRASSER, *va.* 1° Misava, manesotra, manala. —le chemin. *Misava* lalana. Débarrassez ce soldat de son bagage. *Esory* ny entana amin' io miaramila io, *alao* entana io miaramila io. 2° *fig.* Manafaka. —quelqu'un d'une mauvaise affaire. *Manafaka* olona amy ny raharaha sarotra.

Se débarrasser, *vpr.* Afaka. Il s'est débarrassé des importuns. *Afaka* tamy ny olona nanahirana azy izy.

DÉBAT, *sm.* 1° Fanditra, fifandirana. J'ai apaisé le—. Nampitsahatra ny *fifandirana* aho. 2°—, Fandinihana, ady hevitra. Le conseil a commencé ses débats. Vao *mandinika,* vao *miady hevitra* ny mpanolo-tsaina.

DÉBÂTER, *va.* Manesotra lasely fametrahana entana.

DÉBATTRE, *va.* Mandinika, miady hevitra. Ils débattent une question difficile. *Mandinika* zava-tsarotra, *miady hevitra* amy ny zava-tsarotra anankiray izy ireo.

Se débattre, *vpr.* Mikofokofoka, mitsipatsipaka, mihavatravatra, mihoalahoala, mieitroitra. La poule se débattait entre

ses mains. *Nikofokofoka, nitsipatsipaka* tao an-tánany ny akoho. Le bœuf se débattait. *Nihavatravatra, nihoalahoala* ny omby. Il s'est longtemps débattu contre les gardes qui l'ont arrêté. *Nioitroitra* ela izy mba hanohitra ireo mpiambina nisambotra azy.

DÉBATTU, UE, *p.* et *adj.* Voadinika, nodinihina, niadian-kevitra, iadiana, ifandirana, ifanolanana. C'est une question débattue. Zavatra *iadiana, ifandirana, ifanolanana* izany.

DÉBAUCHE, *sf.* 1° Tsy fahalalana fetra amy ny hanina sy ny fisotro, hamamoana. 2°—, Fahalotoana, fijangajangana. Il est plongé dans la—. Milentika ao anatin' ny *fahalotoana,* etc., izy.

DÉBAUCHÉ, ÉE, *adj.* et *s.* 1° Mpiletra, mpimamo, mpiboboka. 2°—, Karandahy, karam-bavy, angatra, akangavavy.

DÉBAUCHER, *va.* 1° Mitarika amy ny ratsy, manera, manangy. Les mauvaises compagnies l'ont débauché. Ny sakaiza ratsy no *nitarika* azy ho *amy ny ratsy.* Voy. Corrompre. 2°—, Mamoky, manome fo.—un ouvrier de son travail. *Mamoky,* etc., olona mba tsy hiasa.

Se débaucher, *vpr.* 1° Miharatsy, manjary karan-dahy, manjary karam-bavy. 2°—, Manary andro foana.

DÉBAUCHEUR, EUSE, *s.* Mpitarika amy ny ratsy, mpanera, mpanangy.

DÉBILE, *adj.* Osa, reraka, mihozangozana, malemy. Le malade est encore—. Mbola *osa, reraka, mihozangozana* ny marary. Enfant—. Zaza kely *mihozangozana.* Il a l'estomac —. *Malemy* ny ambavafóny.

DÉBILITANT, ANTE, *adj.* Mahosa, mahareraka, mahalemy. Nourriture débilitante. Hanina *mahosa,* etc.

DÉBILITATION, *sf.* Fahosana, faharerahana, fahalemena.

DÉBILITÉ, *sf.* Fahosana, fahareraha-na, fahalemena.

DÉBILITER, *va.* Mahosa, mampahosa, mahareraka, mahalemy, mampihena. Cela débilite l'estomac. *Mampahalemy* ny ambavafó izany. Cela débilite la vue. *Mampihena* ny fahiratana izany. Voy. Affaiblir.

Se débiliter, *vpr.* Mihaosa, mihareraka, mihalemy.

DÉBIT, *sm.* 1° Fanatsinjarana, fahalafosana. 2°—, Fandaminana ny famakiankazo. 3° *fig.* Fanononana, filazana.

DÉBITANT, ANTE, *s* Mpivarotra, mpanatsinjara.

DÉBITER, *va.* 1° Manatsinjara, mahalafo. Ce marchand débite beaucoup d'indiennes. Io mpivarotra io *manatsinjara,* etc., zandiana betsaka. 2°—, Mandamina famakian-kazo. Ce menuisier sait bien—le bois. Io mpandrafitra io mahay *mandamina ny famakian-*kazo. 3° *fig.* Manonona, milaza. Il a bien débité son discours. *Nanonona, nilaza* mazava ny laha-teniny izy.—des mensonges. *Milaza* lainga.

Se débiter, *vpr.* Tsinjaraina, lafo.

DÉBITEUR, EUSE, *s.* Mpilaza.—de sornettes. *Mpilaza* angano.

DÉBITEUR, TRICE, *s.* Mpitrosa, olona ananana vola. — insolvable. *Mpitrosa* tsy mahaloa. Il est mon —. *Olona ananako vola* izy.

DÉBLAI, *sm.* 1° Fanesoran-tany na zavatra hafa. 2°—, Tany nesorina, tain-tany.

DÉBLATÉRER, *vn.* Mikamentsona, mikafara. Il a passé deux heures à—contre moi. *Nikamentsona,* etc., ahy nandritra ny adim-pamantaranandro roa izy.

DÉBLAYER, *va.* Manesotra tany na zavatra hafa. —un emplacement. *Manesotra tany na zavatra hafa* amy ny tokotany.

DÉBLOQUER, *va.* Mandroaka ny mpanao fahirano.

DÉBOIRE, *sm.* Alahelo, fahasabiranana. Il éprouve beaucoup de déboires. Maro zavatra *mampalahelo, manahirana* azy izy.

DÉBOISEMENT, *sm.* Famonoana ala.

DÉBOISER, *va.* Mamono ala.

DÉBOÎTEMENT, *sm.* Fipitsohana, fioretana.

DÉBOÎTER, *va.* 1° Manapitsoka, mampioritra. —un os. *Manapitsoka,* etc., taolana. 2°—, Manatsoaka. —un pied de la table. *Manatsoaka* tongo-databatra anankiray.

Se déboîter, *vpr.* 1° Mipitsoka, mioritra. 2°—, Mitsoaka. La table se déboîte. *Mitsoaka* ny latabatra.

DÉBONDER, *va.* Manokatra tsentsimbarika, — vavahadin-drano. — un tonneau. *Manokatra tsentsim-barika.* — un étang. *Manokatra vavahadin-drano* amy ny kamory.

—, *vn.* Mibororoaka. L'eau a débondé. *Nibororoaka* ny rano.

Se débonder, *vpr.* Mibororoaka. L'étang s'est débondé. *Nibororoaka* ny kamory.

DÉBONNAIRE, *adj.* Mpiasabe, olombe, rainazy.

DÉBORDÉ, ÉE, *adj.* Karan-dahy, karam-bavy, akangavavy.

DÉBORDEMENT, *sm.* 1° Fahatondrahana. Le — du fleuve a renversé beaucoup de maisons. Ny *fahatondrahan'* ny ony nanjera trano betsaka. 2° *fig.* Fibosesika. Le — des barbares. Ny *fibosesiky* ny baribariana. 3°—, Habetsahana. Quel — de paroles ! *Habetsahanteny* re izany ! 4°—, Faharatsiana. Le — des mœurs était à son comble. Nihoa-pampana ny *faharatsian'* ny fitondran-tenan' ny olona.

DÉBORDER, *va.* 1° Mihoatra. Cette pierre déborde l'autre. *Mihoatra* ny namany io vato io. 2°—, Manesotra sisina. — une robe. *Manesotra sisin*-jipo.

—, *vn.* 1° Tondraka, mihoatra. La rivière déborde. *Tondraka*, etc., ny renirano. La doublure déborde. *Mihoatra* ny dabolera. 2° *fig.* Mibosesika. Les malheureux débordent dans cette ville. *Mibosesika* amin' ity tanána ity ny mahantra.

Se déborder, *vpr.* Tondraka.

DÉBOTTER, *va.* Manala baoty.

Se débotter, *vpr.* Miala baoty.

DÉBOUCHÉ, *sm.* 1° Lálana fivoahana, lálana fialana. Le — est fermé. Mitampina ny *lálana fivoahana*, etc. 2° *fig.* Fahalafosana. Les indiennes ont ici un excellent—. *Lafo* ny zandiana aty. 3°—, Fialana. Je ne vois aucun— pour me tirer d'affaire. Tsy hitako izay *hialako* amin' izany raharaha sarotra izany.

DÉBOUCHEMENT, *sm.* 1° Fanalana tsentsina. Le — du tuyau est impossible. Tsy azo *alana* ny *tsentsina* ao amy ny fantsona. 2°—, Lálana fivoahana, lálana fialana. Nous arrivons au— de la vallée. Efa mby amy ny *lálana ivoahana, ialana* amy ny lohasaha isika.

DÉBOUCHER, *va.* 1° Manala tsentsina. — une bouteille. *Manala tsentsin*-tavoahangy. 2°—, Manala tampina. —un chemin. *Manala tampin*-dálana.

—, *vn.* Mivoaka, miafara. L'armée déboucha alors dans la plaine. Tamin' izay ny miaramila dia *nivoaka* nankao amy ny tany lemaka. Ce canal débouche dans une rivière. *Miafara* amy ny renirano anankiray io lakan-drano io.

Se déboucher, *vpr.* Miala tsentsina.

DÉBOUCLER, *va.* 1° Mamaha fampoehana. —un ceinturon. *Mamaha fampoehana* amy ny fehikibo. 2°—, Manatsotra. — des cheveux. *Manatsotra* volon-doha.

Se déboucler, *vpr.* 1° Mivaha. 2°—, Mitsotra.

DÉBOURBER, *va.* 1° Mandoa-potaka. — un étang. *Mandoa-potaka* amy ny kamory. 2°—, Mitarika hiala amy ny fotaka. — une charrette. *Mitarika* sarety *hiala amy ny fotaka*.

DÉBOURRÉ, ÉE, *adj.* 1° Nalan-totovory. 2° *fig.* Nihahendry.

DÉBOURRER, *va.* 1° Manala totovory. — un fusil. *Manala totovorim*-basy. 2° *fig.* Mampahendry.—un enfant. *Mampahendry* zaza kely.

DÉBOURSÉ, *sm.* Ny lany. Il est rentré dans ses déboursés. Nahonitra *ny laniny* izy.

DÉBOURSER, *va.* Mandany. Il a déboursé cent piastres pour acheter un cheval. *Nandany* ariary zato nividianany soavaly izy.

DEBOUT, *adv.* Am-pitsanganana, am-pijoroana. Il était —. *Nitsangana, nijoro* izy. Mettez ce tonneau —. *Atsangano, ajoroy* io barika io. Le malade se porte mieux, il est —. Efa tsaratsara kokoa ny marary, ka *mahatsangana*. Un pan de muraille était seul resté —. Nisy lafin-drindrina anankiray sisa *nitsangana* tao. Dormir —. Matory *am-pitsanganana*. || *loc.* Conte à dormir —. Angano mahadikidiky. Nous avions le vent —. Notohain' ny rivotra izahay.

Debout ! *int.* Mitsangána ! miaréna ! mifohaza !

DÉBOUTER, *va.* Mandá tenin' olona eo am-pitsarana. Il a été débouté de sa demande. *Nolavina teo am-pitsarana* ny teny nataony.

DÉBOUTONNÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Voavaha, novahana, mivaha. 2° *fig.* Rire à ventre —. Toran' ny hehy.

DÉBOUTONNER, *va.* Mamaha bokotra. — son habit. *Mamaha bokotra* ny akanjony.

Se déboutonner, *vpr.* 1° Mivaha. Mon habit s'est déboutonné. *Nivaha* ny bokotr' akanjoko. 2° *fig.* Mamboraka ny ao am-po. Se — avec ses amis. *Mamboraka ny ao am-pony* amy ny sakaizany.

DÉBRAILLÉ, ÉE, *adj.* Mihanja vatana, ratsy fitafy.

DÉBRAILLER (SE), *vpr.* Mihanja vatana, ratsy fitafy.

DÉBRIDER, *va.* Manala lamborldy.

Sans débrider, *loc. adv.* Tsy ankijanona, tsy miatoato. Il a travaillé dix heures sans—. Niasa adim-pamantaranandro folo *tsy ankijanona,* etc., izy.

DÉBRIS, *sm* 1° Tapatapa-javatra, vakin-javatra, vorotra..., sisa. Des —de planches. *Tapatapa*-kazo fisaka. Des—de bouteille. *Vakin*-tavoahangy. Les—d'une statue. Ny *vakivakin*-tsariolona. Les—d'un navire. Ny *vakivakin*-tsambo. Des—de nattes. *Voro*-tsihy. Les—d'un édifice qui vient de s'écrouler. Ny *sisa* tamy ny trano nianjera. Les—d'un repas. Ny *sisa* tsy lany tao amy ny fihinanana. 2° *fig.* Hany sisa, sisa. Les — d'une grande famille. Ny *hany sisa* tamy ny fianakaviana malaza. Les—d'une armée. Ny *sisa* tsy maty tany an-tafika. Les—d'une fortune. Ny harena *sisa.*

DÉBROUILLEMENT, *sm.* 1° Fandantoana, fanalana olana, fandaminana, fandaharana. 2° *fig.* Fanazavana.

DÉBROUILLER, *va.* 1° Mandanto, manala olana, mandamina, mandahatra. —du fil. *Mandanto, manala olana* taretra. —des papiers. *Mandamina, mandahatra* taratasy. 2° *fig.* Manazava, mandamina, mandahatra. — une affaire. *Manazava,* etc., raharaha.

Se débrouiller, *vpr.* 1° Mihamazava, milamina, milahatra. 2°—, Mahay, mahomby. Cet ouvrier sait se—. *Mahay, mahomby* tsara io mpiasa io.

DÉBUSQUEMENT, *sm.* 1° Famoahana. 2°—, Fandroahana, fampialana.

DÉBUSQUER, *va.* 1° Mamoaka. —le sanglier. *Mamoaka* ny lambo. 2°—, Mandroaka, mampiala. —l'ennemi d'une montagne. *Mandroaka, mampiala* ny fahavalo amy ny tendrombohitra anankiray. 3° *fig.* Mandresy an-tosika. Il était le favori du prince, un nouveau venu l'a débusqué. Tian' ny mpanjaka tokoa izy, fa nisy anankiray vao tonga *nandresy an-tosika* azy.

DÉBUT, *sm.* Fiandohana, fiantombohana, fanombohana, voalohany. Au—de la maladie. Tamy ny *niandohana, niantombohan'* ny aretina. Il n'en est pas à son—. Tsy vao *miantomboka, manomboka* izy. Il a réussi dès le—. Nahomby tsara hatramy ny *voalohany* izy. Voy. Commencement.

DÉBUTANT, ANTE, *s.* Vao manomboka, vaovao, zazavao.

DÉBUTER, *vn.* Vao manomboka, miantomboka. Il débute dans l'imprimerie. *Vao manomboka* manao printy izy. Il a bien débuté dans son emploi. Tsara ny *niantombohany* tamy ny raharahany.

DEÇÀ, *prép.* Atý. En—de... *Atý* atsinanana, *atý* andrefana, etc. Il reste en—du Mangoro. Mitoetra *aty andrefany* Mangoro izy.

DÉCACHETER, *va.* Manokatra. On a décacheté ma lettre. *Nosokafana* ny taratasiko.

Se décacheter, *vpr.* Misokatra ho azy.

DÉCADENCE, *sf.* Fiharatsiana, fironana, fihenána, fandrorona. Les mœurs sont en—. *Miharatsy* ny fitondran-tenan' ny olona. L'État est en—. *Miharatsy* ny fanjakana. Son talent oratoire est en—. *Mihena, mandrorona* ny fahaizany mandaha-teny.

DÉCAGONE, *adj.* et *sm.* Zavatra folo zoro sady folo lafy.

DÉCAGRAMME, *sm.* Folo grama.

DÉCAISSER, *va.* Manesotra amy ny kesika.— des marchandises. *Manesotra* entam-barotra *amy ny kesika.*

DÉCALITRE, *sm.* Impolon' ny tavoahangy laposety.

DÉCALOGUE, *sm.* Ny didy folon' Andriamanitra.

DÉCALQUER, *va.* Mamindra sary amy ny taratasy na zavatra hafa.

DÉCAMÈTRE, *sm.* Folo metatra.

DÉCAMPEMENT, *sm.* Fifindrana toby,— lasy.

DÉCAMPER, *vn.* 1° Mifindra toby, mifindra lasy. L'armée fut obligée de—. Hery *nifindra toby,* etc., ny tafika. 2° *fig.* Mandositra. Le locataire a décampé. *Nandositra* ny mpanofa trano.

DÉCAPITATION, *sf.* Fanapahan-doha.

DÉCAPITÉ, ÉE, *p. adj.* et *s.* 1° Voatapa-doha, notapahin-doha. 2° *fig.* Voataingo, notaingosana.

DÉCAPITER, *va.* 1° Manapa-doha. 2° *fig.* Mitaingo. Décapitez ce caféier. *Taingosy* io kafé io.

DÉCARRELER, *va.* Manala ngorodom-bato na ngorodon-tanimanga, mandrava lampivato.

DÉCÉDÉ, ÉE, *adj.* et *s.* Maty.

DÉCÉDER, *vn.* Maty, mody mandry, miamboho. Voy. Mourir.
DÉCÈLEMENT, *sm.* Fanambarana.
DÉCELER, *va.* 1° Manambara, mamaky. — un crime. *Manambara,* etc., heloka be vava. 2° *fig.* Mampiseho, manambara, mamaky. Son embarras décela son crime. Ny fivakavakany no *nampiseho* etc., ny heloka nataony
Se déceler, *vpr.* Miseho. Sa science se décelait en parlant. *Niseho* ny fahaizany tamy ny izy niteny.
DÉCEMBRE, *sm.* Volana faharoa amby ny folo amy ny volana vazaha, desembra.
DÉCEMMENT, *adv.* Araka ny mety. Il est habillé —. Mitafy *araka ny mety* izy.
DÉCENCE, *sf.* Fetezana, fahamaotonana.
DÉCENNAL, ALE, *adj.* Maharitra folo taona, miverina isam-polo taona.
DÉCENT, ENTE, *adj.* Mety, maotona. Habits décents. Fitafiana *mety.* Cette femme a un maintien —. *Maotona* ny toetr' io vehivavy io.
DÉCEPTION, *sf.* Hasodóka, hadisoankevitra.
DÉCERCLER, *va.* Manala fehim-barika.
Se décercler, *vpr.* Miala fehy.
DÉCERNER, *va.* 1° Manome. — des bonneurs, des prix. *Manome* voninahitra, — valisoa. 2°—, Mandidy. — une contrainte par corps. *Mandidy* mba hisambotra olona. 3° *fig.* C'est à lui qu'on a décerné la palme. Izy no nantsoina ho nandresy tamy ny fifaninanana.
DÉCÈS, *sm.* Fahafatesana. Après son —. Taorian' ny *nahafatesany.*
DÉCEVOIR, *va.* Manodóka, mahadiso hevitra. Son mensonge m'a déçu. *Nanodóka,* etc., ahy ny lainga nataony.
Se décevoir, *vpr.* Voasodóka, diso hevitra. Mon esprit s'était déçu. *Voasodóka* ny saiko, *diso hevitra* aho.
DÉCHAÎNEMENT, *sm.* 1° Fifofofofo. 2°—, Fisafoaka, fitroatra.
DÉCHAÎNER, *va.* 1° Mamaha gadra. 2° *fig.* Mamoky, manambosy, manome fo. Il a déchaîné le peuple contre moi. *Namoky,* etc., ny vahoaka hanohitra ahy izy.
Se déchaîner, *vpr.* 1° Afa-gadra. Le chien s'est déchaîné. *Afa-gadra* ny alika. 2° *fig.* Mifofofofo. Les vents se déchaînèrent sur la mer. *Nifofofofo* teny ambonin' ny ranomasina ny rivotra. 3°—, Misafoaka, mitroatra. Les matelots se sont déchaînés contre le capitaine. *Nisafoaka,* etc., tamy ny kapiteny ny matiló.
DÉCHARGE, *sf.* 1° Fanalana entana, fanesorana entana. 2° *fig.* Fanafahana. Les témoins ont parlé à votre —. Nilaza izay *hahafaka* anao ny vavolombelona. 3°—, Reré. J'ai entendu une — d'artillerie. Reko ny tafondro natao *reré.* 4°—, Fametrahan-javatra, fanarian-javatra, fivoahana, vody tatatra. Un tuyau de —. Fantsona *fivoahan*-drano.
DÉCHARGEMENT, *sm.* Fanalana entana, fanesorana —.
DÉCHARGER, *va.* 1° Manala entana, manesotra entana. — des marchandises. *Manala,* etc., *entam*-barotra. — un navire. *Manala entana,* etc., amy ny sambo. 2° *fig.* Manafaka. — le peuple d'une corvée. *Manafaka* ny vahoaka amy ny fanompoana anankiray. Je l'ai déchargé de ce soin. *Nanafaka* azy tamin' izany raharaha izany aho. Les témoins ont déchargé l'accusé. Nilaza izay *hahafaka* ny voampanga ny vavolombelona. 3°—, Mamoaka, mamboraka, manambara. Il a déchargé son cœur. *Namoaka,* etc., ny ao am-pony izy. ‖ *loc.* — sa conscience. Miala nenina. 4°—, Mandefa, manapoaka, manala faham-basy, manesotra —. Déchargez le fusil. *Alefaso, apoahy* ny basy, *alao, esory* ny *fahambasy.* 5°—, Mandaboka, manjezika, manjera, manonta. — un coup de bâton sur quelqu'un. *Mandaboka,* etc., tehina olona.
Se décharger, *vpr.* 1° Mametraka entana. 2° *fig.* Mametraka, manankina, mamindra. Il s'est déchargé sur moi de l'instruction de ses enfants. *Mametraka, nanankina* tamiko ny fampianarana ny zanany izy. Il s'est déchargé de sa faute sur moi. *Namindra* voina tamiko izy. 3°—, Mizotra, mankány. Le ruisseau se décharge dans la rivière. *Mizotra,* etc., any amy ny renirano ny sakelidrano.
DÉCHARGEUR, *sm.* Mpanala entana.
DÉCHARNÉ, ÉE, *adj.* 1° Afa-nofo, haringariny. Os —. Taolana *afa-nofo,* etc., taolam-potsy. 2°—, Kaozatra, kangoaza, mirikarika. Ce malade est tout —. *Kaozatra, kangoaza* io marary io, *mirikarika* ny taolan' io marary io.
DÉCHARNER, *va.* 1° Manendaka nofo. 2°—, Mankahia, mahakaozatra, mahakan-

goaza, mampirikarika. La fièvre l'a décharnée. Ny tazo no *nankahia, nahakaozatra, nahakangoaza* azy, *nampirikarika* ny taolany.

DÉCHAUSSEMENT, *sm.* Fanesorana tany amy ny vody hazo, fisavana ny akanjo-nify, fampihatahana akanjo-nify.

DÉCHAUSSER, *va.* 1° Manala kiraro. — un enfant. *Manala kiraron*-jaza kely. 2° *fig.* Manesotra tany amy ny vody hazo, misava akanjo-nify, mampihataka —. Déchaussez ces arbres. *Esory ny tany amin'* ireo *vody hazo* ireo. — les dents. *Misava, mampihataka akanjo nify.*

Se déchausser, *vpr.* Miala kiraro.

DÉCHÉANCE, *sf.* Fionganana, fanonganana. Il y a un mois qu'a eu lieu la — du roi. Iray volana izay no *niongana-na, nanonganana* ny mpanjaka.

DÉCHET, *sm.* 1° Fihenána. Il y a du — dans la fonte des monnaies. *Mihena* ny vola raha aidina. 2° *fig.* Fihenána. Son autorité a éprouvé du —. *Nihena* ny fahefany.

DÉCHEVELER, *va.* Mampisafotofoto volon-doha.

Se décheveler, *vpr.* Misafotofoto. Ces deux femmes en se battant se sont toutes deux déchevelées. Samy *nisafotofoto* ny volon' izy roa vavy ireo tamy ny nifamelezany.

DÉCHIFFRABLE, *adj.* Azo vakina.

DÉCHIFFREMENT, *sm.* Famakiantsoratra saro-bakina.

DÉCHIFFRER, *va.* Mamaky soratra saro-bakina.

Se déchiffrer, *vpr.* Azo vakina. Ce manuscrit ne peut se —. Tsy *azo vakina* io sora-tanana io.

DÉCHIFFREUR, *sm.* Mpamaky soratra saro-bakina.

DÉCHIQUETÉ, ÉE, *adj.* Misy nifinifiny. Feuille déchiquetée. Ravin-kazo *misy nifinifiny.*

DÉCHIQUETER, *va.* Mitetika, manisy nifinifiny, mamotipotika. — de la viande. *Mitetika, mamotipotika* hena. — une étoffe. *Mitetika,* etc., lamba.

DÉCHIRANT, ANTE, *adj.* Mampalahelo, mampangoraka, manindrona. Spectacle —. Zavatra *mampalahelo, mampangoraka.*

DÉCHIRÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Triatra, notriarina, rovitra, norovitina, hotohoto, nohotohotoina, voarotika, norotehina, voakotikotika, nokotikotehina, voapotipotika, nopotipotehina. 2° *fig.* Nokorontanina, mikorontana. 3°—, Malahelo, mangoraka. 4°—, Voaratsy, noharatsina, voaendrikendrika, noendrikendrehina.

DÉCHIREMENT, *sm.* 1° Fandriarana, fandrovitana, fanotohotoana, fandrotehana, fanotikotehana; famotipotehana. La colique cause des déchirements d'entrailles. *Mampanotikotika* ny tsinay ny mandalo. 2° *fig.* Alahelo, fangorahana. 3°—, *pl.* Ady an-trano, fikorontanana.

DÉCHIRER, *va.* 1° Mandriatra, mandrovitra, manotohoto, mandrotika, manakotikotika, mamotipotika. Tu as déchiré mon habit. *Notriarinao, norovitinao* ny akanjoko. Le lion déchire sa proie. *Manotohoto, mandrotika* ny hazany ny liona. Ils le déchirèrent à coups de fouet. Izy ireo *nanotohoto, nandrotika* ny tenany tamy ny kotopia. Le chat m'a déchiré la main. *Norotehin'* ny saka ny tánako.. Déchirez cette lettre. *Triatriaro, rovidrovito, koteho, poteho* io taratasy io. 2° *fig.* Mampikorontana. La guerre civile déchire le royaume. Ny ady an-trano *mampikorontana* ny fanjakana. 3°—, Mampalahelo, mampangoraka, manindrona. Ce spectacle déchire le cœur. *Mampalahelo, mampangoraka* izany fahitana izany. Les remords déchirent la conscience. *Manindrona* ny fo ny nenina. 4°—, Manaratsy, manendrikendrika. — le prochain. *Manaratsy,* etc., ny namana.

Se déchirer, *vpr.* 1° Triatra, rovitra. 2° *fig.* Malahelo, mangoraka. 3°—, Mifanaratsy, mifanendrikendrika.

DÉCHIRURE, *sf.* Triatra, rovitra. Il y a une — à votre habit. Misy *triatra, rovitra* ny akanjonao.

DÉCHOIR, *vn.* Miharatsy, miongana, mihena, mandrorona. — de son rang. *Miongana.* Sa réputation déchoit. *Mihena* ny lazany. Voy. DÉCADENCE.

DÉCHU, UE, *p.* et *adj.* Niharatsy, niongana, nihena, nandrorona.

DÉCIDÉ, ÉE, *adj.* Sahy, matoky, tsy misalasala. C'est un jeune homme —. *Sahy,* etc., io tovolahy io.

DÉCIDÉMENT, *adv.* Tsy amim-pisalasalana, miharihary. —, je ne partirai pas. *Tsy misy fisalasalana* fa tsy han-

deha abo. —, il est fou. *Miharihary* fa adala izy.

DÉCIDER, *va.* 1° Manapaka, mandraikitra, manapitra. On vient de — cette affaire. Vao *notapahina, naraikitra* izany raharaha izany. —une querelle par un combat. *Manapitra* fifandirana amy ny ady. 2°—, Mandraikitra hevitra. C'est lui qui m'a décidé à vous écrire. Izy no *nandraikitra* ny *hevitro* mba hampitondra taratasy aminao.

—, *vn.* Manapaka, mandidy. Les juges décident de la vie et de la fortune des hommes. Ny mpitsara no *manapaka,* etc., ny amy ny aina sy ny haren' ny olona.

Se décider, *vpr.* 1° Tapahina, araikitra, taperina. 2°—, Mandraikitra ny heviny. Il est lent à se —. Ela vao *mandraikitra ny heviny* izy.

DÉCIGRAMME, *sm.* Ny ampahafolon' ny grama.

DÉCIMAL, ALE, *adj.* Misy anjara mihena impolo isan-daharana, misy fihenána na fitomboana impolo tsikelikely. Fractions décimales. Fraksiona *misy anjara mihena impolo isan-daharana.* Système —. Fomba fandrefesana, famarana na fandanjana *misy fihenána na fitomboana impolo tsikelikely.*

DÉCIMATION, *sf.* Famonoana iray isam-polo.

DÉCIME, *sm.* Ilavoamena.

DÉCIMER, *va.* 1° Mamono iray isampolo On décima la ville. *Namonoana iray isam-polo* tao an-tanána. 2° *fig.* Mandripaka, mandringana, mandany ritra. La petite-vérole décime les habitants. Ny nendra *mandripaka,* etc., ny mponina.

DÉCIMÈTRE, *sm.* Ny ampahafolon' ny metatra.

DÉCISIF, IVE, *adj.* 1° Mahatapaka, maharaikitra, mahatapitra, maharesy an-daharana. La bataille fut décisive. *Nahatapaka, nahatapitra* ny zavatra rehetra izany ady izany. Cette preuve est décisive. *Maharesy an-daharana* izany porofo izany. 2°—, Sahy, matoky, tsy misalasala. Homme —. Olona *sahy,* etc.

DÉCISION, *sf.* 1° Fanapahana, didy. La — de cette affaire fut renvoyée au gouverneur. Nasaina *hotapahin'* ny governora izany raharaha izany. On attend la — du roi. Andrasana ny *didin'* ny mpanjaka. 2°—, Fandraiketan-kevitra. Prendre une —. *Mandraiki-kevitra.*

DÉCLAMATEUR, *sm.* 1° Mpanonona laha-teny tsy anjery araka ny fomba. 2°—, Mpanao teny be renty loatra.

DÉCLAMATION, *sf.* 1° Fanononana laha-teny tsy anjery araka ny fomba. 2°—, Laha-teny be renty loatra. 3°—, Fanaratsiana, famelezana.

DÉCLAMATOIRE, *adj.* 1° Momba ny fanononana ny laha-teny tsy anjery. 2°—, Be renty loatra. Style—. Teny *be renty loatra.*

DÉCLAMER, *va.* Manonona laha-teny tsy anjery araka ny fomba.

—, *vn.* Manaratsy, mamelively. —contre quelqu'un. *Manaratsy* olona. —contre le vice. *Mamelively* ny fahazaran-dratsy.

DÉCLARATION, *sf.* Filazana, fanambarana, fampisehoana. Il lui fit une — importante. *Nilaza, nanambara* zavatra lehibe taminy izy.

DÉCLARÉ, ÉE, *adj.* Miharihary. C'est mon ennemi—. Fahavaloko *miharihary* izy.

DÉCLARER, *va.* Milaza, manambara, mampiseho. Il lui déclara ses projets. *Nolazainy, nambarany* azy ny nokasainy hatao. Il déclara le coupable. *Nanambara* ny meloka izy. —des marchandises à la douane. *Manambara, mampiseho* entam-barotra amy ny ladoany. Il lui déclara la guerre. Izy *nilaza* taminy fa hiady.

Se déclarer, *vpr.* 1° Milaza ny heviny. Il s'est déclaré sur cette question. *Nilaza ny heviny* tamin' izany zavatra izany izy. 2°—, Miseho. Il s'est déclaré l'auteur de ce livre. *Niseho* ho mpamorona io boky io izy. La petite-vérole se déclare. *Miseho* ny nendra. 3°—, Miandany, manaraka, momba, manohitra. Il s'est déclaré pour moi. *Niandany* tamiko, *nanaraka, nomba* ahy izy. Il s'est déclaré contre moi. *Nanohitra* ahy izy.

DÉCLASSÉ, ÉE, *adj.* et *s.* Tsy manan-draharaha mifanaraka amy ny fianarana azo.

DÉCLASSEMENT, *sm.* 1° Fampifangaroana. 2°—, Tsy fananan-draharaha mifanaraka amy ny fianarana azo.

DÉCLASSER, *va.* 1° Mampifangaro. 2° Mametraka amy ny raharaha tsy mifanaraka amy ny fianarana azo.

DÉCLIN, *sm.* Fihenána, fandrorona, firóna. La lune est à son —, *Mihená* ny

volana. Le jour est à son —. *Mandrorona* ny andro. Il est sur le — de l'âge. *Mandrorona* ny taonany.

DÉCLINAISON, *sf.* Fitongilanana. — australe. *Fitongilanana* any atsimo.

DÉCLINER, *vn.* Mihena, mandrorona. mirôna. Ses forces déclinent. *Mihena* ny heriny. L'empire déclinait. *Nirôna* ny fanjakana.

—, *va.* 1° Mandá. Il a décliné la compétence de ce juge. *Nolaviny* ny fahefan' io mpitsara io. 2°—, Milaza. Déclinez votre nom. *Lazao* ny anaranao.

DÉCLIVITÉ, *sf.* Fisolampy. La — du terrain. Ny *fisolampin'* ny tany.

DÉCLOUER, *va.* Manala fantsika. — des planches. *Manala fantsika* amy ny hazo fisaka.

Se déclouer, *vpr.* Miala fantsika, afapantsika.

DÉCOCHEMENT, *sm.* Fandefasana.

DÉCOCHER, *va.* 1° Mandefa. — une flèche. *Mandefa* zana-tsipika. 2° *fig.* Mandefa. — un trait mordant. *Mandefa* teny manindrona.

DÉCOCTION, *sf.* 1° Fampangotrahana zava-maniry. 2°—, Ron-java-maniry.

DÉCOIFFER, *va.* 1° Manala satroka. 2°—, Mampitsafotofoto volon-doha. 3° *fig.* — une bouteille. Manala tsentsin-tavoahangy,

Se décoiffer, *vpr.* 1° Miala satroka. 2° —, Misafotofoto.

DÉCOLLATION, *sf.* Fanapahan-doha. La — de S[t] Jean-Baptiste. Ny *nanapahan-doha* any Md. Joany Batista.

DÉCOLLEMENT, *sm.* Fanendahana, fiendahana, fiendaka.

DÉCOLLER, *va.* Manendaka. — du papier. *Manendaka* taratasy.

Se décoller, *vpr.* Miendaka.

DÉCOLLETER (SE), *vpr.* Mampiseho soroka, manao sikin-tratra.

DÉCOLORATION, *sf.* Havasoka, hamatroka.

DÉCOLORÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Vasoka, matroka. Son teint est —. *Vasoka*, etc., ny tarehiny. 2° *fig.* Tsy misy renty. Style—. Laha-teny *tsy misy renty.*

DÉCOLORER, *va.* Mahavasoka, mahamatroka.

Se décolorer, *vpr.* Mihavasoka, mihamatroka.

DÉCOMBRES, *sm. pl.* Korontan-javatra avy amy ny trano rava.

DÉCOMPOSER, *va.* 1° Manaratsaraka, manavakavaka. —l'air. *Manaratsaraka*, etc., ny zavatra eo amy ny aera. Décomposez cette phrase. *Avakavaho* io fehezan-teny io. 2°—, Mandó, mahaló. La chaleur décompose la viande. Ny hafanána *mandó, mahaló* ny hena. 3° *fig.* Mampiova tarehy, mahatsatra. La peur décompose son visage. Ny tahotra *mampiova tarehy* azy, *mahatsatra* ny tarehiny.

Se décomposer, *vpr.* 1° Mihaló. 2° *fig.* Miova tarehy, mihahatsatra.

DÉCOMPOSITION, *sf.* 1° Fanaratsarahana, fanavakavahana. 2°—, Fahalóvana, haló. 3° *fig.* Fiovan-tarehy, habatsatra.

DÉCONCERTÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Sanganehana, very hevitra. Il fut tout — en face des juges. *Sanganehana*, etc., izy teo anatrehan' ny mpitsara. 2° *fig.* Voasakana, nosakanana, voasampontsampona, nosampontsamponana.

DÉCONCERTER, *va.* 1° Mahasanganehana, mahavery hevitra. 2° *fig.* Misakana, manampontsampona. Cela déconcerte tous mes projets. *Misakana*, etc., ny fikasako rehetra izany.

Se déconcerter, *vpr.* Sanganehana very hevitra.

DÉCONFIT, ITE, *adj.* Sanganehana, very hevitra, vaka, safotra.

DÉCONFITURE, *sf.* 1° Faharesena. 2° *fig.* Habotriana.

DÉCONSEILLER, *va.* Mampiova hevitra.

DÉCONSIDÉRATION, *sf.* Fahafaham-baráka.

DÉCONSIDÉRÉ, ÉE, *adj.* Afa-baráka.

DÉCONSIDÉRER, *va.* Manala baráka.

Se déconsidérer, *vpr.* Manala barátena.

DÉCONTENANCÉ, ÉE, *adj.* Sanganehana. very hevitra.

DÉCONTENANCER, *va.* Mahasanganehana, mahavery hevitra.

Se décontenancer, *vpr.* Sanganehana, very hevitra.

DÉCONVENUE, *sf.* Ny manjó. Il m'a conté sa —. Nitantara tamiko *ny nanjó* azy izy.

DÉCOR, *sm.* Haingo, ravaka.

DÉCORATEUR, *sm.* Mpampihaingo, mpandravaka.

DÉCORATION, *sf.* 1° Fampihaingoana, haingo, fandravahana, ravaka, en-

drika. On a fait plusieurs ouvrages pour la — de la ville. Zavatra maro no natao ho *endriky* ny tanána. 2°— Lakoraona.

DÉCORÉ, ÉE, *p.* et *adj* 1° Vohaingo, nohaingoina, nampihaingoina, mihaingo, voaravaka, noravahana. 2° —, Nahazo lakoraona.

DÉCORER, *va.* 1° Mampihaingo, mandravaka. — l'église. *Mampihaingo*, etc., ny trano leglizy. 2°—, Manome lakoraona, — anarana. 3° *fig.* Manao ho. Ils décorent du nom de château une misérable bicoque. Trano tsinontsinona no *ataon'* izy ireo *ho* lapa.

Se décorer, *vpr.* 1° Haingoina, ampihaingoina, ravahana. 2° *fig.* Mihambo. Il s'est décoré d'un titre qu'il n'a pas mérité. *Nihambo* anarana tsy tokony ho azy izy.

DÉCORTICATION, *sf.* Fanendahana, fana a'vo hana.

DÉCORTIQUER, *va.* Manendaka, manamaivoka, mivaofy, mikofo. — du chanvre. *Manendaka* rongony. — le riz. *Manamaivoka* vary. — des pistaches. *Mivaofy, mikofo* voanjo.

DÉCORUM, *sm.* Ny mety, fomba tsara, fahaizana miaina. Comme BIENSÉANCE.

DÉCOUCHER, *vn.* Mandry an-trano hafa.

DÉCOUDRE, *va.* Mamaha zaitra. — un habit. *Mamaha zaitran'* akanjo.

Se découdre, *vpr.* Mihaha zaitra.

DÉCOULEMENT, *sm.* Fitsororóka, fiteté, fanorika.

DÉCOULER, *vn.* 1° Mitsororóka, miteté, manorika. La sueur découle de son front. Ny tsemboka *mitsororóka*, etc., amy ny handriny. 2° *fig.* Avy. Voici la conséquence qui découle de ce que j'ai dit. Intý ny fara-hevitra *avy* amin' izany voalazako izany.

DÉCOUPER, *va.* 1° Mandidy, mandrasa, miletika, manety. — un poulet. *Mandidy, mandrasa, miletika* akoho. — par petits morceaux. *Miletika.* — avec des ciseaux. *Manety.* — du drap. *Mandidy* lopótra. 2° —, Mandidy zavatra hanaovan-tsary. — un arbre. *Mandidy zavatra hanaovana sarim*-poto-kazo.

DÉCOUPEUR, EUSE, *s.* Mpandidy, mpanety.

DÉCOUPURE, *sf.* 1° Fandidiana, fanetezana. 2° —, Ny voadidy, ny voahety. Cette — représente des enfants qui jouent. Ireo *voadidy*, etc., ireo dia sarin' ny ankizy madinika milalao.

DÉCOURAGEANT, ANTE, *adj.* Maharera-po, mahakivy, mahaketraka, mampiraviravy tánana.

DÉCOURAGEMENT, *sm.* Faharerahana-po, hakiviana, haketrahana, firaviravy tánana.

DÉCOURAGER, *va.* Maharera-po, mahakivy, mahaketraka, mampiraviravy tánana. Cette nouvelle découragea les soldats. Izany zava-baovao izany *naharera-po*, etc., ny miaramila rehetra.

Se décourager, *vpr.* Miharera-po, mihakivy, mihaketraka, miraviravy tánana.

DÉCOURS, *sm.* 1° Fihenán' ny aretina. 2°—, Firatry ny volana. La lune est en —. *Miratra* ny volana.

DÉCOUSU, UE, *p.* et *adj.* 1° Nihaha zaitra, lata-bitrana. Mon pantalon est—. *Nihaha zaitra*, etc., ny patalohako. 2° *fig.* Miriorio. Conversation décousue. Resaka *mirioro*.

—, *sm.* Firiorio.

DÉCOUSURE, *sf.* Ny tataka, ny tata-bitrana.

DÉCOUVERT, ERTE, *p.* et *adj.* 1° Afa-takotra, nalan-takotra, afa-drakotra, nalan-drakotra, afa-tsarona, nalan-tsarona, nalan-drako-damba, voasokatra, nosokafana, misokatra, voaendaka, nendahana, naseho, miseho, miseho ankarihary. 2° —, Hita, tazana, tsinjo. 3° *fig.* Noborahina, nambara, novakina. 4° —, Tsy misy ala, tsy misy alokaloka, tsy misy fiarovana. Pays —. Tany *tsy misy ala.* Allée découverte. Arabe *tsy misy alokaloka.* Cette place est découverte. *Tsy misy fiarovana* izany tanána izany.

A découvert, *loc. adv.* 1° Ankarihary. Se promener à —. Mitsangantsangana *ankarihary*. 2° *fig.* Ankarihary, tsy ankifonofono. Il a dit la chose à —. Nilaza izany *ankarihary*, etc., izy.

DÉCOUVERTE, *sf.* 1° Fahitana. Depuis la — de l'Amérique. Hatramy ny *nahitana* any Amerika. 2° —, Zavatra hita. C'est une nouvelle —. *Zavatra* vao *hita* izany.

DÉCOUVRIR, *va.* 1° Manala takotra, — rakotra, — sarona, — rako-damba, manokatra, manendaka, mampiseho, mampiseho ankarihary. — la marmite. *Manala takotra, manokatra* vilany. — un plat. *Manala rako*-dovia. — une corbeille, *Manala sarona, manokatra* harona. —

un homme qui est dans son lit. *Manala rako-damba* olona ao am-pandriana. Le vent a découvert la maison. Ny rivotra *nanendaka* ny tafon-trano. —un os. *Manendaka* taolana. —la poitrine. *Mampiseho* tratra. 2°—. Mahita, mitazana, mitsinjo. Il a découvert une mine d'or. *Nahita* tany misy volamena izy. Du haut de la montagne on découvre un vaste horizon. Eny an-tampon' ny tendrombohitra no *ahitana, ahatazanana, ahatsinjovana* fari tany lehibe. Je découvris qu'il me trompait. *Hitako* fa namitaka ahy izy. 3° *fig.* Mamboraka, manambara, mamaky.—ses sentiments. *Mamboraka*, etc., ny ao am-pony. Voici celui qui a découvert le complot. Intý ilay *nanambara, namaky* ny teti-dratsy.

Se découvrir, *vpr.* 1° Miala satroka, afa-drako-damba, mampiseho, miseho ankarihary. Découvrez-vous avant d'entrer. *Mialá satroka* hianao vao miditra. Le malade s'est découvert. *Afaka* ny *rako-damban'* ny marary. Découvrez-vous la figure. *Asehoy* ny tarehinao. Cet officier se découvre trop. *Miseho ankarihary* loatra io manamboninahitra io. 2° *fig.* Mamboraka ny ao am-po. Se — à quelqu'un. *Mamboraka ny ao am-po* amin' olona. 3°—, Mihamadio. Le ciel se découvre. *Mihamadio* ny lanitra.

DÉCRASSER, *va.* 1° Manala tseroka, — tsikoko. — les mains. *Manala tserotánana, —tsikokon-*tánana. 2° *fig.* Mampahendry.

Se décrasser, *vpr.* 1° Afa-tseroka, afatsikoko. Il prend un bain pour se—. Milóna izy mba ho *afa-tseroka,* etc. 2° *fig.* Mihahendry.

DÉCRÉDITER, *va.* Manala baráka, tsy itokiana. La mauvaise foi a décrédité ce marchand. Ny fitaka nataon' izany mpivarotra izany no *tsy itokian'* ny olona azy intsony.

Se décréditer, *vpr.* Manala bara-tena, afa-pofona, tsy itokiana. Il s'est décrédité par sa mauvaise conduite. *Afa-baraka, afa-pofona* noho ny fitondran-tona ratsiny izy. Cette doctrine se décrédite. *Tsy itokiana* intsony izany fampianarana izany. Voy. Crédit.

DÉCRÉPIT, ITE, *adj.* Goga, antitra dia antitra, reraky ny fahanterana.

DÉCRÉPITUDE, *sf.* Hagoga.

DÉCRET, *sm.* 1° Didy, teny. — royal. *Didin'* andriana, *tenin'* andriana. 2°—, Lahatra. Les décrets de la Providence sont insondables. Tsy takatry ny saina ny *tahatr'* Andriamanitra.

DÉCRÉTER, *va.* Mandidy.

DÉCRIER, *va.* Manala baráka, tsy itokiana. Comme Décréditer.

Se décrier, *vpr.* Manala bará-tena.

DÉCRIRE, *va.* 1° Milaza ny toetra, mitantara. — une plante. *Milaza ny toetry* ny zava-maniry anankiray. — une bataille. *Mitantara* ady. 2°—, Mitsipika, manoritra, manao. — un cercle. *Mitsipika,* etc., fari-bolana.

Se décrire, *vpr.* 1° Lazaina. 2° —, Tsipihina, soritana, atao.

DÉCROCHER, *va.* Manesotra ny mihantona.

Se décrocher, *vpr.* Miala.

DÉCROISSANCE, *sf.* Fihenána, fisintonana.

DÉCROISSANT, ANTE, *adj.* Mihena, misintona.

DÉCROISSEMENT, *sm.* Fihenána, fisintonana. Le — des jours est considérable. *Mihena* dia mihena ny andro.

DÉCROÎTRE, *vn.* Mihena, misintona. La rivière décroît. *Mihena,* etc., ny renirano.

DÉCROTTER, *va.* Manala fotaka, miborosy kiraro.

Se décrotter, *vpr.* 1° Manala fotaka. 2° *fig.* Mihahendry.

DÉCROTTEUR, *sm.* Mpiborosy kiraro.

DÉCROTTOIR, *sm.* Fitoerana fiborosian-kiraro.

DÉCRUE, *sf.* Fihenán' ny rano, fisintonan' ny rano.

DÉÇU, UE, *p. adj.* Voasodóka, nosodokaina, diso hevitra, diso. — dans ses espérances. *Diso* fanantenana.

DÉCUPLE, *adj.* et *sm.* Impolo, impolo heny.

DÉCUPLER, *va.* Mampitombo impolo, mampitombo impolo heny. — un nombre. *Mampitombo impolo* isa anankiray. Il a décuplé sa fortune. *Nampitomboiny impolo heny* ny hareny.

DÉCURIE, *sf.* Ampolokeliny tamy ny Romana.

DÉCURION, *sm.* Tompon'ampolokeliny.

DÉDAIGNER, *va.* Maneso, manebaka, manao ho tsinontsinona, manamavo, tsy manisy raharaha. Cette nation dédaigne toutes les autres. Izany firenena izany *maneso,* etc., ny firenena hafa rehetra.

— les richesses. *Manao ho tsinontsinona, manamavo* ny harena.

DÉDAIGNEUSEMENT, *adv.* Anavonavona, ananjonanjona, amim-panesoana.

DÉDAIGNEUX, EUSE, *adj.* et *s.* Miavona, mianjonanjona, maneso, manebaka.

DÉDAIN, *sm.* Fiavonavonana, fianjonanjonana, fanesoana, fanebahana. Il m'a reçu avec—. Nandray ahy tamim-*piavonavonana,* etc., izy. Essuyer des dédains. *Esoina, tebahina.*

DÉDALE, *sm.* Comme Labyrinthe.

DEDANS, *adv. de lieu.* 1° Anaty. Entrez là—. Midira ao *anatiny.* La porte est fermée en—. Mihidy any *anatiny* ny varavarana. ‖ *loc.* Avoir les pieds en—. Bingo. 2° *fig.* Mettre quelqu'un—. Mamitaka olona.

—, *sm.* Ny aty. Le—d'un chapeau. Ny *aty* satroka.

DÉDICACE, *sf.* 1° Fanamasinana ny trano leglizy, fitokanan-trano leglizy. 2° *fig.* Soratra atao amy ny pejy voalohan' ny boky hanolorana azy amin' olona ho fanajana.

DÉDIER, *va.* 1° Manamasina, manokana. —une église. *Manamasina* trano leglizy. —une église à notre Seigneur. *Manokana* trano leglizy ho any ny Tompontsika. 2° *fig.* Manolotra boky ho fanajana.

DÉDIRE, *va.* Manova tenin'olona, mampandainga. N'allez pas me—. Aza *manova ny teniko,* aza *mampandainga* ahy.

Se dédire, *vpr.* Mivadika ny teny natao, mitsoa-teny, miova fiteny. Les témoins se sont dédits. *Nivadika ny teny nataony,* etc., ny vavolombelona.

DÉDIT, *sm.* Fivadihana ny teny natao, fitsoahan-teny, fiovan-teny.

DÉDOMMAGÉ, ÉE, *p.* et *adj.* Voaonitra, nonerana, mionitra. Je suis—de mes peines. *Voaonitra* ny hasasarako.

DÉDOMMAGEMENT, *sm.* Fanonerana, onitra. Il a obtenu un—de dix mille francs. Nahazo *onitra* ariary roa arivo izy.

DÉDOMMAGER, *va.* Manonitra.

Se dédommager, *vpr.* Mionitra. Il s'est dédommagé de ses pertes. *Nionitra* ny fatiantony.

DÉDOUBLER, *va.* 1° Manala dabolera, manala sosona. —un habit. *Manala daboleran'* akanjo, etc. 2°—, Mizara roa. Dédoublez cette classe. *Zarao roa* io kilasy io.

Se dédoubler, *vpr.* 1° Afa-dabolera. 2°—, Zaraina roa.

DÉDUCTION, *sf.* 1° Fanalana, fanesorana. 2°—, Hevitra alaina, fanamarinana. Une suite de déductions. *Hevitra* maro mitohitohy *alaina* amy ny hevitra hafa. Cette—n'est pas exacte. Tsy marina izany *fanamarinana* izany.

DÉDUIRE, *va.* 1° Manala, manesotra. Il faut en—les frais. Tsy maintsy *hesorina* amin'io ny lany. 2°—, Maka hevitra. Je déduirai quatre pensées de ce verset. Hevitra efa-doha no *halaiko* amin'ity andininy ity. Voy. Conclure, Conséquence.

Se déduire, *vpr.* 1° Esorina. 2°—, Alaina.

DÉESSE, *sf.* Andriamanibavy.

DÉFÂCHER (SE), *vpr.* Mionona, mitony.

DÉFAILLANCE, *sf.* Hatoranana. Tomber en—. *Torana.*

DÉFAILLANT, ANTE, *adj.* Reraka, mihena, mihakely. Force défaillante. Hery *mihena, mihakely.*

DÉFAILLIR, *vn.* Mihareraka, mihena, mihakely. Il se sent—de jour en jour. Tsaroany fa *mihareraka* isan' andro izy.

DÉFAIRE, *va.* 1° Mamaha, mamboraka. — un nœud, un tissu. *Mamaha* vona, lamba.— sa malle. *Mamboraka* ny ao anatin' ny vatany. 2°—, Manatsoaka, mandrava.— un marché. *Manatsoaka,* etc., fanekena. 3°—, Mandroaka. Défaites-moi de cet importun. *Roahy* hiala io mpanahirana io. 4°—, Mandresy. — une armée. *Mandresy* tafika. 5°—, Mankahia. La maladie l'a défait. *Nankahia* azy ny aretina.

Se défaire, *vpr.* 1° Mivaha, miboraka. 2°—, Mitsoaka, rava. 3°—, Mandroaka, mahafaty, mivarotra, mahafoy, miala. Je me suis défait de ce domestique. *Noroahiko* izany mpanompo izany. Il s'est défait de son cheval. *Nivarotra, nahafoy* ny soavaliny izy. Il s'est défait de sa mauvaise habitude. *Nahafoy* ny fahazaran-dratsiny izy. Défaites-vous de ce mot-là. *Mialà* amin' izany teny izany.

DÉFAIT, AITE, *p.* et *adj.* 1° Voavaha, novahana, mivaha, voaboraka, noborahina, miboraka. 2°—, Voatsoaka, notsoahana, voarava, noravana. 3°—, Resy, noresena. 4°—, Mahia, malazolazo. Depuis sa maladie il est tout—. *Mahia,* etc., izy hatramy ny naharariany.

DÉFAITE, *sf.* Faharesena. Il a essuyé une—complète. *Resy* dia resy izy.

DÉFALCATION, *sf.* Fanalana, fanesorana.

DÉFALQUER, *va.* Manala, manesotra. Il faut en—le poids de la caisse. Tokony *hanalana, hanesorana* ny lanjan' ny vata.

DÉFAUT, *sm.* 1° Kilema, tsiny, takaitra, hadisoana, diso. Cette porcelaine a un—. Misy *kilema, tsiny, takaitra* io porsolaina io. Chacun a ses défauts. Samy manana ny *kilemany, tsininy.* Avouer ses défauts. Miaiky ny *tsininy, hadisoany.* Je l'ai trouvé en —. Nahita azy *diso* aho. Il y a des défauts dans cette statue. Misy *tsiny, diso* amin' io sariolona io. 2°—, Tsy fisiana, tsy fananana, tsy ao, t y tonga, tsy tratra, tsy. L'argent fait—. *Tsy misy* vola. Le courage lui fait—. *Tsy manan*-kerim-po izy. Un témoin fait—. *Tsy ao, tsy tonga* ny vavolombelona anankiray. Le—de la cuirasse. Ny *tsy tratry* ny fiarovan-tratra ; *fig.* ny tsininy. Sa mémoire est en—. *Tsy* mahatsiaro izy.

À défaut de, *loc. prép.* Raha tsy misy, raha tsy ao. A—de vin, nous boirons de l'eau. *Raha tsy misy* divay, hisotro rano isika. A son—, je vous aiderai. *Raha tsy ao* izy, hanampy anao aho.

DÉFAVEUR, *sf.* Tsy fitiavana, tsy fankasitrahana, ngidin-koditra, tsy fahatokiana. Il est tombé en — auprès du peuple. *Tsy tiany, tsy ankasitrahan'* ny vahoaka intsony, *mangidy hoditra* amy ny vahoaka izy. Ces papiers sont en—. *Tsy itokiana* ireo taratasy vola ireo.

DÉFAVORABLE, *adj.* Tsy tia, tsy mankasitraka, tsy manambina. Le jugement lui a été—. *Tsy nambinina* tamy ny fitsarana izy. Voy, FAVORABLE.

DÉFAVORABLEMENT, *adv.* Tsy amim-pitiavana.

DÉFÉCATION, *sf.* Fanadiovana.

DÉFECTION, *sf.* Fialana, fitsoahana. Beaucoup firent—. Be no *niala, nitsoaka.*

DÉFECTUEUSEMENT, *adv.* Misy kilema, —tsiny, —takaitra, —diso.

DÉFECTUEUX, EUSE, *adj.* Misy kilema, —tsiny, —takaitra, —diso. Des marchandises défectueuses. Varotra *misy kilema, —tsiny, —takaitra.* Livre —. Boky *misy tsiny, diso.*

DÉFECTUOSITÉ, *sf.* Kilema, tsiny, takaitra, diso.

DÉFENDABLE, *adj.* Azo arovana. Cette ville n'est pas—. Tsy *azo arovana* io tanána io.

DÉFENDRE, *va.* 1° Miaro, misolo vava, manala tsiny, mamefy. —un ami. *Miaro* sakaiza. C'est lui qui a défendu l'accusé. Izy no *nisolo vava* ny voampanga. Une batterie défend l'entrée du port. Batery anankiray no *miaro* ny vava seranana. La montagne nous défend contre le froid. Ny tendrombohitra *miaro, mamefy* antsika amy ny hatsiaka. 2°—, Mandrara. Le médecin a défendu le vin au malade. Ny dokotera *nandrara* ny marary tsy hisotro divay.

Se défendre, *vpr.* Miaro tena, manohitra, mandá, miala tsiny. Il se défendit contre le voleur. *Niaro tena* nanohitra ny tontakely izy. Ils se défendirent vaillamment dans ce poste. *Nanohitra* tamin-kerim-po tao amin' izany tanána izany izy ireo. Cette place n'est pas en état de se—. Tsy mahazo *manohitra* io tanána io. Porter un manteau pour se— du froid. Mitondra kapaoty *hiarovana* ny hatsiaka. On l'accuse de cela, mais il s'en défend. Ampangaina ho nanao izany izy, fa *mandá, miala tsiny.*

DÉFENDU, UE, *p.* et *adj.* 1° Voaro, narovana, voafefy, nofefena. 2°—, Voarara, norarana. Eve mangea du fruit—. Eva nihinana ny voankazo *norarana* tsy ho hanina.

DÉFENSE, *sf.* 1° Fiarovana, fisoloambava, fanalan-tsiny, fialan-tsiny. Qu'avez-vous à dire pour votre—. Inona no azonao lazaina *hiarovan*-tena, *hialantsiny.* 2°—, Fandrarana. 3°—, *pl.* Vangin-dambo, vangin' elefanta, etc.

DÉFENSEUR, *sm.* Mpiaro, mpisolo vava.

DÉFENSIF, IVE, *adj.* Iarovan-tena. Armes défensives. Fiadiana *iarovantena.*

Défensive, *sf.* Fiarovan-tena. Il est sur la —. *Miaro tena* izy.

DÉFÉQUER, *va.* Manadio.

DÉFÉRANT, ANTE, *adj.* Mora manaiky. Il est doux et—. Malemy fanahy izy sady *mora manaiky.*

DÉFÉRENCE, *sf.* Fanekena noho ny fanajana.

DÉFÉRER, *va.* 1° Manome, mifidy. — des honneurs. *Manome* voninahitra. Les

cardinaux lui déférèrent le pontificat. *Nifidy* azy ho papa ny kardinaly. 2°—, Mitory, miampanga. —quelqu'un en justice. *Mitory, miampanga* olona amy ny fitsarana.
—, *vn*. Manaiky noho ny fanajana. —à l'avis des autres. *Manaiky* ny hevitry ny sasany *noho ny fanajana*.
DÉFERLER, *vn*. Miantoraka mamorivory. Les lames déferlent. *Miantoraka mamorivory* ny onjan-dranomasina.
DÉFERRER, *va*. Manala vy, manala kitrovy.— une porte. *Manala* ny *vy* amy ny varavarana. — un cheval. *Manala kitrovin*-tsoavaly.
Se déferrer, *vpr*. Afa-by, afa-kitrovy.
DÉFEUILLER, *va*. Manintsan-dravinkazo.
Se défeuiller, *vpr*. Mihintsan-dravina.
DÉFI, *sm*. Fihaikana, fihatsiana, filokana, fifanambazana. Je vous mets au— de le prouver. Sahy *miloka, mifanamby* aminao aho fa tsy hahamarina izany hianao.
DÉFIANCE, *sf*. Tsy fahatokiana, fiahiahiana. Il conçoit de la —. *Tsy matoky, miahiahy* izy. Il est en —de lui-même. *Tsy matoky* ny tenany izy.
DÉFIANT, ANTE, *adj*. Tsy matoky, miahiahy.
DÉFICELER, *va*. Manala kofehy.
DÉFICIT, *sm*. Tsy fahampiana. Il y a un grand—dans les finances. *Tsy ampy* be ny volam-panjakana.
DÉFIER, *va*. 1° Mihaika, mihatsy, miloka, mifanamby. Il le défia à un combat singulier. *Nihaika, nihatsy* azy hiady samy irery izy. Je vous défie de deviner. Sahy *miloka, mifanamby* aminao aho fa tsy hahavinany izany hianao. 2°—, Tsy matahotra, manehatra.— la tempête. *Tsy matahotra* ny tafio-drivotra. Voy. BRAVER.
Se défier, *vpr*. 1° Mifampihaika, mifampihatsy, miloka, mifanamby. 2°—, Tsy matoky, miahiahy. Je me défie de lui. *Tsy matoky, miahiahy* azy aho. 3°—, Manampó, manahy. Je ne me serais jamais défié qu'il m'abandonnerait. Tsy *nampoiziko, tsy nahiko* fa handao ahy izy.
DÉFIGURER, *va*. 1° Manimba tarehy, maharatsy tarehy. La petite-vérole l'a défiguré. *Nanimba* ny *tarehiny, naharatsy tarehy* azy ny nendra. 2° *fig*. Manova, manimba. Il a défiguré cette histoire. *Nanova, nanimba* izany tantara izany izy.
Se défigurer, *vpr*. Manimba ny tarehiny.
DÉFILÉ, *sm*. 1° Hadilanana, ankadilanana. Il fut pris dans un —. Tratra tao amy ny *hadilanana*, tao *ankadilanana* izy. 2°—, Fitanjozotra. Alors commença le — des troupes. Tamin'izay vao *nitanjozotra* ny miaramila. 3° *fig*. Fahasahiranana. Il est dans un vilain —. Azon' ny *fahasahiranana* lehibe izy.
DÉFILER, *va*. Manala amy ny kofehy. — des perles. *Manala* voahangy *amy ny kofehy*.
—, *vn*. Mitanjozotra.
DÉFINI, IE, *adj*. Voafetra, mamotra.
DÉFINIR, *va*. 1° Mametra. Dieu a défini le temps où cela arrivera. Andriamanitra efa *nametra* ny andro hahatongavan' izany. 2°—, Milaza inona, inona no maha..., milaza hevitra, milaza toetra. Définissez l'âme. *Lazao inona* ny fanahy, *inona no maha*-fanahy ny fanahy. —un mot. *Milaza* ny *hevitry* ny teny anankiray. —une personne. *Milaza* ny *toe*-panahin' ny olona anankiray. 3°—, Mandidy, manapaka, mamarana. L'Église a défini cela. Ny Eglizy *nandidy*, etc., izany.
DÉFINITIF, IVE, *adj*. Voafarana, nofaranana, raikitra. Traité—. Fanekena *voafarana*, etc. Résolution définitive. Fikasana *raikitra*.
En définitive, *loc. adv*. Amy ny farany. En—, que voulez-vous ? *Amy ny farany*, inona no tianao ?
DÉFINITION, *sf*. 1° Filazana inona, filazana hevitra, filazan-toetra. 2°—, Didy momba ny finoana. Les définitions de l'Église. Ny *didin'* ny Eglizy *momba ny finoana*.
DÉFINITIVEMENT, *adv*. 1° Voafarana, nofaranana, raikitra. 2°—, Amy ny farany.
DÉFLEURIR, *vn*. Mihintsam-bony.
—, *va*. Manintsam-bony.
DÉFONCEMENT, *sm*. 1° Fanaborobahana, fanagorobahana. 2°—, Fitrandrahana.
DÉFONCER, *va*. 1° Manaborobaka, managorobaka. —un tonneau. *Manaborobaka*, etc., barika. 2°—. Mitrandraka. — un terrain. *Mitrandraka* tany.
Se défoncer, *vpr*. Miborobaka, migorobaka.

DÉFORMATION, *sf.* Fiharatsiam-bika.
DÉFORMÉ, ÉE, *p.* et *adj.* Simba, nosimbana, niharatsy bika.
DÉFORMER, *va.* Manimba, maharatsy bika.
Se déformer, *vpr.* Mihasimba, miharatsy bika. Votre chapeau se déforme. *Mihasimba* ny satrokao. Sa taille se déforme. *Miharatsy bika* izy.
DÉFRAYER, *va.* 1° Mandoa ny lanin' olona. Le gouvernement me défraye de mes voyages. *Aloan'* ny fanjakana *ny lany* amy ny dia alehako. 2° *fig.* —la compagnie. Mampihomehy ny namany.
DÉFRICHEMENT, *sm.* Fiasan-tany vao.
DÉFRICHER, *va.* Miasa tany vao.
DÉFRICHEUR, *sm.* Mpiasa tany vao.
DÉFRISER, *va.* Manatsotra volon-doha.
Se défriser, *vpr.* Mihatsotra.
DÉFRONCER, *va.* 1° Manatsotra. — une jupe. *Manatsotra* zipo. 2° *fig.* —le sourcil. Manamiramiran-tarehy.
Se défroncer, *vpr.* Mihatsotra.
DÉFROQUE, *sf.* Akanjo tonta.
DÉFUNT, UNTE, *adj.* et *s.* Maty.
DÉGAGÉ, ÉE, *adj.* Afaka, mavitrika, mailaka, kinga. Il a l'esprit—. *Afaka* tsara ny sainy. Il a un air—. *Mavitrika, mailaka, kinga* izy.
DÉGAGEMENT, *sm.* 1° Fanavotana, fanafahana, fisavana. 2°—, Fandefasana. 3°—, Varavarana miafina. Porte de—. Varavarana *miafina.* 4° *fig.* Fanatsoahana.
DÉGAGER, *va.* 1° Manavotra, manafaka, misava. —une rizière. *Manavotra* tanimbary. Il l'a dégagé du milieu des ennemis. *Nanafaka* azy tao afovoan' ny fahavalo izy. Ce remède lui a dégagé la tête. *Nahafaka* ny aretin' andohany izany fanafody izany. — le chemin. *Misava* lálana. 2°—, Mandefa. —une mauvaise odeur. *Mandefa* fofon-dratsy. 3° *fig.* Manatsoaka, manafaka. — sa parole. *Mitsoa*-teny. — quelqu'un de sa promesse. *Manafaka* olona amy ny teny napetrany. — son esprit de toute préoccupation. *Manafaka* ny sainy amy ny fahasahiranana rehetra.
Se dégager, *vpr.* 1° Afaka, misava, miala, mitsoaka. Le passage se dégage. *Misava* ny lálana. Il se dégagea de la foule. *Niala, nitsoaka* tao anaty vahoaka izy. 2° *fig.* Mitsoa-teny.
DÉGAINE, *sf.* Toetra mampihomehy.
DÉGAINER, *va.* et *n.* Manatsoaka sabatra.
DÉGARNIR, *va.* Manafoana, manesotra fanaka, — miaramila, — fomba. — une chambre. *Manafoana* efi-trano, *manesotra fanaka* amy ny efi-trano. — une place. *Manesotra miaramila* amy ny tanána anankiray. — un lit. *Manesotra fombam*-pandriana amy ny farafara.
Se dégarnir, *vpr.* 1° Mihafoana. Ma bourse se dégarnit. *Mihafoana* ny kitapom-bolako. 2°—, Mihamanify. Sa tête se dégarnit. *Mihamanify* ny volondohany.
DÉGÂT, *sm.* Fanimbana, fahasimbana. La grêle a fait un grand—. *Nanimba* zavatra betsaka ny havandra.
DÉGAUCHIR, *va.* 1° Manitsy, manala vaona. — une planche. *Manitsy,* etc., hazo fisaka. 2° *fig.* Mampahavanambanana, mahakinga. — un jeune homme. *Mampahavanambanana,*etc., tovolahy.
DÉGAUCHISSEMENT, *sm.* Fanitsiana, fanalana vaona.
DÉGEL, *sm.* Fiempoan' ny ranomandry na ny oram-panala.
DÉGELER, *va.* Mampiempo.
—, *vn.* Miempo.
Se dégeler, *vpr.* Miempo.
DÉGÉNÉRATION, *sf.* Fiharatsiana.
DÉGÉNÉRÉ, ÉE, *adj.* Niharatsy.
DÉGÉNÉRER, *vn.* 1° Miharatsy. Le blé dégénère dans ce terrain. *Miharatsy* ny varim-bazaha amin'io tany io. Le peuple a bien dégénéré. *Niharatsy* loatra ny vahoaka. 2°—, Manjary. Sa fièvre a dégénéré en folie. *Nanjary* nahadala azy ny tazo.
DÉGLUER, *va.* Manesotra amy ny dity. Dégluez cet oiseau. *Esory amy ny dity* io vorona io.
Se dégluer, *vpr.* Afaka amy ny dity, manala dity. Se—les mains. *Manala dity* ny tánana.
DÉGLUTITION, *sf.* Fitelemana.
DÉGOBILLER, *va.* Mandoa, mibararáka.
DÉGOISER, *va.* Milazalaza, miketsoketso.
DÉGOMMER, *va.* 1° Manala dity. — de la soie. *Manala dity* ny lasoa. 2° *fig.* Manongana, manesotra amy ny raharaha. On l'a dégommé. *Naongana, nesorina tamy ny raharahany* izy.

DÉGONFLEMENT, *sm.* Fampihenána ny mivonto, — ny mibontsina, fihenán' ny mivonto, — ny mibontsina, famoahana rivotra.

DÉGONFLER, *va.* Mampihena ny mivonto, — ny mibontsina, mamoaka rivotra. — un ballon. *Mampihena ny fibontsin'* ny balóna, *mamoaka rivotra* amy ny balóna.

Se dégonfler, *vpr.* Mihena, mivoa-drivotra. La tumeur se dégonfle. *Mihena* ny mivonto.

DÉGORGEMENT, *sm.* 1° Fanalana tsentsina, — tampina. 2°—, Fivoahandrano.

DÉGORGER, *va.* Manala tsentsina, — tampina. —un tuyau. *Manala tsentsina,* etc , ny fantsona.

—, *vn.* Mihoatra. Le ravin dégorge. *Mihoatra* ny riaka.

Se dégorger, *vpr.* 1° Afa-tsentsina, afa-tampina. 2°—, Mivoaka. Le tuyau se dégorge dans le bassin. Ny rano amy ny fantsona *mivoaka* mankany amy ny kamory.

DÉGOURDI, IE, *adj.* et *s.* Mavitrika, mailaka, kinga, fetsy.

DÉGOURDIR, *va.* 1° Miala voly. —ses jambes. *Miala voly.* 2° *fig.* Mampahavitrika, mampahamailaka, mampahakinga. —un enfant. *Mampahavitrika,* etc., zaza kely.

Se dégourdir, *vpr.* 1° Miala voly, afaboly. 2° *fig.* Mihamavitrika, mihamailaka, mihakinga, mihafetsy.

DÉGOÛT, *sm.* 1° Fahalainana, fahatofohana. Il a du — pour la nourriture. *Malain*-komana, *tofo*-kanina izy. 2° *fig.* Fahabobohana. Il a du — pour la vie. *Boboky* ny miaina izy. 3°—, Fahoriana. J'ai essuyé bien des dégoûts. Efa azon' ny *fahoriana* matetika aho.

DÉGOÛTANT, ANTE, *adj.* 1° Mahatofoka, mahatohina, mahatola, mankaleo. 2° *fig.* Mahaboboka, maharikoriko, mahadikidiky. Il est d'une malpropreté dégoûtante. *Mahàboboka,* etc., ny lotony. C'est un homme—. Olona *maharikoriko, mahadikidiky* izy.

DÉGOÛTÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Tofoka, tohina, tola, leony. Il est—de la viande. *Tofoka,* etc., ny hena izy. Je suis—du poisson. *Tofoka, tohin*-kazandrano aho. 2° *fig.* Tofoka, boboka, leony. Je suis — de toute conversation. *Bobo*-drosaka, *leon*-drosaka aho.

—, *s.* Mpitsingintsingina. Il fait le—en mangeant. *Mitsingintsingina* izy raha homana.

DÉGOÛTER, *va.* 1° Mahatofoka, mahatohina, mahatola, mankaleo. 2° *fig.* Mahatofoka, mahaboboka, mankaleo, maharikoriko, mahadikidiky. Le jeu l'a dégoûté de l'étude. *Tofoka, boboka, leom*-pianarana izy azon'ny lalao.

Se dégoûter, *vpr.* 1° Tofoka, tohina, tola, leony. 2° *fig.* Boboka, leony.

DÉGOUTTANT, ANTE, *adj.* Mitete.

DÉGOUTTER, *vn.* Mitete. La sueur lui dégoutte du front. *Mitete* ny tsemboka amy ny handriny.

DÉGRADANT, ANTE, *adj.* Mahafabaráka, mahavazina.

DÉGRADATION, *sf.* 1° Fanonganana, fionganana. 2° *fig.* Fahafaham-baráka, havazinana. 3°—, Fanimbana, fahasimbana.

DÉGRADÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Voaongana, naongana, nesorina tamy ny raharaha. 2° *fig.* Afa-baráka, afa-boninahitra, afa-pofona. 3°—, Simba, nosimbana.

DÉGRADER, *va.* 1° Manongana, manesotra amy ny raharaha. On a dégradé dernièrement ce capitaine. Vao *naongana* io kapiteny io. — un juge. *Manesotra* mpitsara amy ny raharahany. 2° *fig.* Manala baráka, mahafa-baráka, manala voninahitra, mahavazina. L'ivrognerie dégrade l'homme. Ny hamamoana *manala-baráka,* etc., ny olona. Voy. Avilir. 3°—, Manimba. La pluie a dégradé le mur. Ny ranonorana *nanimba* ny rindrina.

Se dégrader, *vpr.* 1° Manala bará-tena, manala voninahi-tena, mivazina, manavazin-tena. 2°—, Simba, mihasimba.

DÉGRAFER, *va.* Mamaha zaigrafy. — un manteau. *Mamaha zaigrafin*-kapaoty.

DÉGRAISSAGE, *sm.* Fanalan-tseroka, —menaka.

DÉGRAISSER, *va.* 1° Misodika menaka. — le bouillon. *Misodika menaka* amy ny ro. 2° —, Manala tseroka,—menaka. — un habit. *Manala tseroka,* etc., amy ny akanjo. —un chapeau. *Manala tsero*-tsatroka. Poudre à — les cheveux. Vovoka *fanalan-tseroka* amy ny volon-doha.

Se dégraisser, *vpr.* 1° Sodihina. 2° —, Alan-tseroka.

DÉGRAISSEUR, EUSE, *s.* Mpanala tseroka.

DEGRÉ, *sm.* 1° Ambaratonga, fizarana. Il y a quinze degrés à l'escalier. Misy *ambaratonga* dimy amby ny folo ny tohatra. Le thermomètre marque vingt degrés. Misondrotra amy ny *ambaratonga* faharoapolo ny termométra. Le quart de cercle comprend quatre-vingt-dix degrés. *Mizarazara* sivifolo ny ampahefatry ny fari-bolana. Il y a trois degrés de comparaison. Misy *ambaratonga* telo amy ny fampitahan-javatra. Cette affaire a passé par tous les degrés de la juridiction. Efa nitety ny *ambaratonga* rehetra amy ny fitsarana izany raharaha izany. 2°—. Fitomboka amy ny oniversity, taranaka, hery, hery antoniny. Il a tous ses degrés. Nahazo ny *fitomboka* rehetra *tamy ny oniversity* izy. Ils sont parents au quatrième—. Mihavana amy ny *taranaka* fahefatra izy ireo. Le — de la fièvre. Ny *herin'* ny tazo. Il sait donner le — de feu. Mahay manome *hery antoniny* ny afo izy. 3° *fig.* Ambaratonga, hery, habe, hamafy. Il y a des degrés dans la vertu. Misy *ambaratonga* amy ny hatsaram-panahy. Dieu seul savait le — de son amour. Andriamanitra irery no nahalala ny *hery*, ny *habe*, ny *hamafin'* ny fitiavany. || *loc.* Le plus haut—, le dernier—. Fara. Il est parvenu au plus haut — des honneurs. Tonga amy ny *faran'* ny voninahitra, tonga amy ny fanaperana anarana izy. C'est le dernier — de l'avilissement. *Fara* fahafaham-baráka izany. Au dernier—, au suprême—. Indrindra. Il le déteste au suprême—. Mankahala azy *indrindra* izy.

Par degrés, *loc. adv.* Tsikelikely, miandalandalana. Il est arrivé par degrés à cet emploi. Tonga *tsikelikely*, etc., tamin' izany raharaha izany izy.

DÉGRÉEMENT, *sm.* Fanalana fomban-tsambo.

DÉGRÉER, *va.* Manala fomban-tsambo.

DÉGRÈVEMENT, *sm.* Fampihenánketra.

DÉGREVER, *va.* Mampihena hetra.

DÉGRINGOLADE, *sf.* 1° Fikororosy, fikorotsaka. 2° *fig.* Fionganana, faharavan-karena.

DÉGRINGOLER, *va.* et *vn.* Mikororosy, mikorotsaka. —dans un précipice. *Mikororosy*, etc , any an-tevana.

DÉGRISER, *va.* 1° Manala hamamoana. 2° *fig.* Mampiova hevitra, mampiseho hadisoan-kevitra.

Se dégriser, *vpr.* Afaka hamamoana.

DÉGROSSI, IE, *p.* et *adj.* 1° Voavangovango, novangovangoina. 2° *fig.* Mihakinga, mihahendry.

DÉGROSSIR, *va.* 1° Mamangovango, misisy. —une pièce de bois. *Mamangovango*, etc., hazo. 2° *fig.* Mamangovango. —un ouvrage. *Mamangovango* boky. 3°—, Mandahadahatra, mandamindamina. — une affaire. *Mandahadahatra*, etc., raharaha.

Se dégrossir, *vpr.* Mihakinga, mihahendry.

DÉGROSSISSAGE, *sm.* Famangovangoana.

DÉGUENILLÉ, ÉE, *adj.* Misingo-boro-damba.

DÉGUERPIR, *vn.* Miala. Il a déguerpi au plus vite. *Niala* faingana izy.

—, *va.* Mandao. —une maison. *Mandao* trano.

DÉGUERPISSEMENT, *sm.* Fialana, fandaozana.

DÉGUISÉ, ÉE, *adj.* et *s.* 1° Manao fitafiana hafahafa, manao bibiolona. 2° *fig.* Miafina. Une ambition déguisée le fait agir ainsi. Fitsiriritam-boninahitra *miafina* no anaovany izany.

DÉGUISEMENT, *sm.* 1° Fitafiana hafahafa, fanaovana bibiolona. On ne peut le reconnaitre sous ce—. Tsy azo fantarina izy amin' izany *fitafiana hafahafa*, etc., izany. 2° *fig.* Fanafenan-kevitra, fanaronana. Il parle sans —. Tsy *manafin-kevitra* izy raha miteny.

DÉGUISER, *va.* 1° Mampanao fitafiana hafahafa, mampanao bibiolona. Il a déguisé son garçon en fille. *Nampanaoviny fitafian*-jazavavy ny zanany lahy. 2° *fig.* Manafina, manarona.—sa colère. *Manafina*, etc , ny hatezerany. 3°—, Manova. — sa voix. *Manova* feo.

Se déguiser, *vpr.* 1° Manao fitafiana hafahafa, manao bibiolona. Le loup se déguisa en berger. Ny amboadia *nanao fitafian'* ny mpiandry ondry. 2° *fig.* Manafin-kevitra.

DÉGUSTATEUR, *sm.* Mpanandrana.

DÉGUSTATION, *sf.* Fanandramana zavatra fisotro.

DÉGUSTER, *va.* Manandrana.—du vin. *Manandrana* divay.

DÉHANCHÉ, ÉE, *adj.* et *s.* 1° Mipitso-pe. 2° *fig.* Mitari-pe, miletaleta.

DÉHANCHER (SE), *vpr.* 1° Mipitsope. 2° *fig.* Mitari-pe, miletaleta.

DÉHARNACHER, *va.* Manala fomban-tsoavaly mpitarika kalesy.

DÉHONTÉ, ÉE, *adj.* et *s.* Tsy vaky atatra, tsy vaky afero, tsy valahara, tsy mahalala menatra. Comme ÉHONTÉ.

DEHORS, *adv.* Alatrano, ivelany. Il est allé —. Lasa any *alatrano*, etc., izy. Je croyais qu'il était dans l'emplacement, mais il est —. Nataoko fa ao anaty tamboho izy, kanjo any *ivelany*. La porte est fermée en —. Mihidy any *ivelany* ny varavaram-be. || *loc.* Mettre quelqu'un —. Mandroaka olona. Avoir les pieds en —. Tsivaka.

—, *sm.* 1° Ny ivelany. Le — du palais est très beau. Tsara loatra *ny ivelan'* ny lapa. 2° —, *pl.* Ny ivelany, ny miseho. Les — de l'hypocrite sont trompeurs. Mamitaka ny *ivelan'* ny mpihatsaravelatsihy, ny *miseho* amy ny mpihatsaravelatsihy. Voy. APPARENCE.

DÉICIDE, *adj.* Nahafaty any Jeso-Kristy.

—, *sm.* Famonoana any Jeso-Kristy.

DÉIFICATION, *sf.* Fanandratana ho andriamanitra.

DÉIFIER, *va.* Manandratra ho andriamanitra.

DÉISME, *sm.* Fampianarana ny fisian' Andriamanitra fotsiny.

DÉISTE, *s.* Mpino ny fisian' Andriamanitra fotsiny.

DÉJÀ, *adv.* Sahady, rahateo. Il est arrivé —. Tonga *sahady* izy. La ville était — prise quand il arriva. Azo *sahady* ny tanána tamy ny izy tonga. Je vous l'ai — dit. Voalazako taminao *sahady*, etc., izany.

DÉJECTION, *sf.* Fivalanana, diky.

DÉJETER (SE), *vpr.* Mivaona. Cette planche s'est déjetée. *Nivaona* io hazo fisaka io.

DÉJEUNER, *vn.* Misakafo maraina, manao ody ambavafó, manao ody lolo.

DÉJEUNER ou **DÉJEUNÉ,** *sm.* Sakafo maraina, ody ambavafó, ody lolo. Petit — du matin. *Ody ambavafó, ody lolo.*

DÉJOINDRE, *va.* Comme DISJOINDRE.

DÉJOUER, *va.* Misakana, manafoana. Il a déjoué leurs projets. *Nisakana, nanafoana* ny fikasan' izy ireo izy. — un complot. *Misakana*, etc., teti-dratsy.

DÉJUCHER, *vn.* Miala amy ny talantalana.

—, *va.* 1° Mandroaka akoho hiala amy ny talantalana. 2° *fig.* Mandroaka, mampiala.

DÉJUGER (SE), *vpr.* Miová didy.

DELÀ, *prép.* Voy. AU DELÀ.

DÉLABRÉ, ÉE, *p.* et *adj.* Simba, nosimbana, reraka.

DÉLABREMENT, *sm.* Fahasimbana, faharerahana.

DÉLABRER, *va.* Manimba, mandreraka. — une machine. *Manimba* milina. Les veilles ont délabré sa santé. Ny fiarotan-tory *nanimba* ny hasalamany. Les fatigues ont délabré l'armée. Ny hasasarana *nandreraka* ny tafika.

Se délabrer, *vpr.* Mihasimba, miharerаka.

DÉLACER, *va.* Mamaha. — une bottine. *Mamaha* baotina.

Se délacer, *vpr.* Mivaha.

DÉLAI, *sm.* Andro, fiatoatoana. Demander un —. Mangataka *andro*. Accorder un —. Manome *andro*. J'ai obtenu un — de quinze jours. Nahazo *andro* tapa-bolana aho. Partez sans —. Mandehana fa aza *miatoato*.

DÉLAISSÉ, ÉE, *p.* et *adj.* Foy, nafoy, nilaozana, nariana, navela. Il est — de tous. *Nilaozana, narian'* ny olona rehetra izy.

DÉLAISSEMENT, *sm.* Fara fahantrana, fikaforoforo, fiporipory, famoizana, fahafoizana, fandaozana, fanariana, famelana. Il est dans le plus grand —. Efa mby amy ny *fara fahantrana, mikaforoforo, miporipory* izy.

DÉLAISSER, *va.* Mamoy, mahafoy, mandao, manary, mamela. Dieu ne délaisse pas ceux qui espèrent en lui. Andriamanitra tsy *mamoy, mahafoy, mandao, manary* izay matoky Azy. Il lui a délaissé cet héritage. *Nafoiny, navelany* ho azy izany lova izany.

DÉLASSANT, ANTE, *adj.* Manala sasatra, mahafa-tsasatra. Jeu —. Tsilalao *manala sasatra*, etc.

DÉLASSEMENT, *sm.* Fialan-tsasatra. L'esprit a besoin de —. Mila *fialan-tsasatra* ny saina.

DÉLASSER, *va.* Manala sasatra, mahafa-tsasatra. Le sommeil m'a délassé. *Nanala sasatra, nahafa-tsasatra* ahy ny torimaso.

Se délasser, *vpr.* Miala sasatra.

DÉLATEUR, TRICE, *s.* Mpiampanga manginginа.

DÉLATION, *sf.* Fiampangana mangingina.

DÉLAYÉ, ÉE, *p.* et *adj.* Levona, nolevonina, vonto rano, novontosan-drano. || *loc.* Trop—. Matsora ; *fig.* lava loatra.

DÉLAYER, *va.* Mandevona, mamonto rano. —une couleur dans l'eau. *Mandevona* loko amy ny rano. —de la farine. *Mamonto rano* ny lafarina. || *loc.* Trop —. Manatsora ; *fig.* manalava loatra. Il a trop délayé sa pensée. *Nanalava loatra* ny heviny izy.

DÉLECTABLE, *adj.* Mahafinaritra, mahafaly, matsiro, fy, tsara dia tsara. Séjour —. Fitoerana *mahafinaritra.* Mets—. Nahandro *matsiro, fy.* Vin—. Divay *tsara dia tsara.*

DÉLECTATION, *sf.* Hafinaretana, hafaliana. Manger avec—. Homana *aminkafaliana.*

DÉLECTER, *va.* Mahafinaritra, mahafaly.

Se délecter, *vpr.* Finaritra, faly. Il se délecte à l'étude. *Finaritra* amy ny fianarana izy.

DÉLÉGATION, *sf.* Fanirahana, fanendrena, fanomezana fahefana. Il agit en vertu d'une—. Manao izany izy, satria *nirahina,notendrena, nomena fahefana.*

DÉLÉGUÉ, ÉE, *p* *adj.* et *s.* Iraka, nirahina, voatendry, notendrena, nahazo fahefana.

DÉLÉGUER, *va.* Maniraka, manendry, manome fahefana. Il lui a délégué ses pouvoirs. *Nomeny* azy ny fahefany rehetra.

DÉLESTER, *va.* Manesotra fanamarenan-tsambo.

DÉLÉTÈRE, *adj.* Manimba ny hasalamana. Émanations délétères. Fofona *manimba ny hasalamana.*

DÉLIBÉRANT, ANTE, *adj.* Mandinika, misaina, mihevitra. Assemblée délibérante. Fivoriana' ny *mpisaina, mpihevitra.*

DÉLIBÉRATIF, IVE, *adj.* Voix délibérative. Fifidianana, fandatsahana latsabato. Il a voix délibérative. Mahazo *mifidy* izy, mahazo *mandatsaka latsabato* izy.

DÉLIBÉRATION, *sf.* 1° Fiaraha-mandinika, fandinihana, fiaraha-misaina, fisainana, fiaraha-mihevitra, fiheverana. 2°—, Hevitra, fikasana. Les délibérations du conseil sont arrêtées. Raikitra ny *hevitra,* ny *fikasan'* ny mpisaina.

DÉLIBÉRÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Voadinika, nodinihina, nosainina, voahevitra, noheverina, raikitra. C'est une chose délibérée. Zavatra *raikitra* izany. 2°—, Sahy, matoky, tsy misalasala. Il a un air —. Miendrik'olon-*tsahy,* etc., izy.

De propos délibéré, *loc.* *adv.* Iniana, fanahy iniana. Il l'a tué de propos —. *Niniany, fanahy iniany* no namonoany azy.

DÉLIBÉRÉMENT, *adv.* An-kasahiana, amin-toky. Il marche—. Mandeha *an-kasahiana, amin-toky* izy.

DÉLIBÉRER, *vn.* Miara-mandinika, mandinika, miara-misaina, misaina, miara-mihevitra, mihevitra. Les conseillers délibèrent sur une affaire importante. Ny mpanolo-tsaina *miara-mandinika, miara-misaina, miara-mihevitra* raharaha lehibe anankiray. Délibérez sur le parti que vous avez à prendre. *Diniho, saino, hevero* izay tokony hataonao.

DÉLICAT, ATE, *adj.* 1° Matsiro, fy, mafilotra, tsara dia tsara. Nourriture délicate. Hanina *matsiro,* hanim-*py,* hanina *mafilotra.* Vin —. Divay *tsara dia tsara.* 2° —, Kanto, tsara dia tsara, mahafinaritra. Voilà une broderie délicate. Itsiana misy amboradara *kanto,* etc. 3° —, Malemilemy, mora simba. Il est —, il a une santé délicate. *Malemilemy* izy. Cette couleur est délicate. *Mora simba* io loko io. 4° *fig.*Kanto, tsara dia tsara, mahafinaritra. Expressions délicates. Fombam-pitenenana *kanto,* etc. Il a pour sa mère une tendresse délicate. *Mahafinaritra* ny fitiavany an-dreniny. 5° —, Sarotra, keliambaitra. L'affaire est délicate. *Sarotra,* etc., ny raharaha. 6°—, Kinga, mahay. Il a la main délicate. *Kinga* tánana izy. Il a un jugement —. *Mahay* mitsara zavatra izy. 7° —, Kiankianina, sarotsarotiny, miangentsangentsana, mitsingitsingina. Il est—sur la nourriture. *Kiankianina,* etc., amy ny haninkanina izy. 8°—, Manahy ota. Il a une conscience délicate. *Manahy ota* izy. —, *s.* Kiankianina, sarotsarotiny, miangentsagentsana, mitsingitsingina. Il fait le —. *Kiankianina,* etc , izy.

DÉLICATEMENT, *adv.* 1° Kanto, tsara, mahafinaritra. 2°—, Amim-pahaizana, amim-pahamalinana. 3°—, Kiankianina, sarotsarotiny, miangentsangentsana, mitsingitsingina. Prendre — un objet. *Mitsingin*-javatra.

DÉLICATESSE, *sf.* 1° Hatsiro, hafy,

hafilotra, hatsara. Quelle — de mets! Endrey ny *halsiron'*, etc., izany nahandro! 2°—, Hakanto, hafinaritra. 3°—, Halemena. La — du corps. Ny *halemen'* ny vatana. 4° *fig.* Hakanto, hafinaritra. Quelle — de langage! Endrey ny *hakanton'*, etc., izany laha-teny! 5°—, Hakingana, fahaizana, fahamalinana. Il a conduit cette affaire avec —. Nitondra izany raharaha izany tamim-*pahaizana*, tamim-*pahamalinana* izy. 6°—, Ahiahy. Il a une grande—dans l'accomplissement de son devoir. Be *ahiahy* amy ny zavatra tsy maintsy hataony izy.

DÉLICES, *sf. pl.* Hafinaretana, haravoravoana, hafaliana, fanaranam-po, fanaranam-batana. Il fait mes plus chères—. *Mahafinaritra, maharavoravo, mahafaly* ahy izy. Il goûte les — de la vie. *Finaritra, manaram-po* izy. Les — des sens. Ny *fanaranam-batana.*

DÉLICIEUSEMENT, *adv.* Amim-pahafinaretana, amim-panaranam-po.

DÉLICIEUX, EUSE, *adj.* Tsara dia tsara, mahafinaritra. Vin—. Divay *tsara dia tsara.* Campagne délicieuse. Saha *mahafinaritra.*

DÉLICTUEUX, EUSE, *adj.* Mahameloka. Fait—. Zavatra *mahameloka.*

DÉLIÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Voavaha, novahana, mivaha. 2° *fig.* Afaka, voavotsotra, novotsorana, voavela, navela, nesorina. 3°—, Kely, manify, madinika. Elle a une taille déliée. *Kely* andilana, *manifinify* izy. Écriture déliée. Soratra *manify, madinika.* 4°—, Marani-tsaina, haingan-tsaina. C'est un esprit—. *Marani-tsaina,* etc., izy.

DÉLIER, *va.* 1° Mamaha.—une corde. *Mamaha* tady. 2° *fig.* Manafaka, mamotsotra, mamela, manesotra, manala. — quelqu'un d'une promesse. *Manafaka* olona amy ny teny napetrany.— les péchés. *Manafaka,* etc., ny fahotana.

Se délier, *vpr.* 1° Mivaha, mamaha tena. 2° *fig.* Afaka, mitsoa-teny.

DÉLIMITATION, *sf.* Fetra, famerana, faritra, famaritana.

DÉLIMITER, *va.* Mametra, mamaritra. — les frontières d'un État. *Mametra,* etc., ny sisim-panjakana.

DÉLINÉATION, *sf.* Fanoritana.

DÉLINQUANT, ANTE, *s.* Mpandika ny lalána.

DÉLIRANT, ANTE, *adj.* Very saina, mirediredy, mibedibedy foana.

DÉLIRE, *sm.* 1° Fahaverezan-tsaina, firediredy, bedibedy, fibedibedena. Le malade est dans le—. *Very saina, mirediredy, mibedibedy* ny marary. 2° *fig.* Hadalana, fahadalana, fahaverezan-tsaina. Son amour allait jusqu'au—. Ny fitiavany *nahadala, nahavery saina* azy.

DÉLIRER, *vn.* Very saina, mirediredy, mibedibedy foana.

DÉLIT, *sm.* Fandikana ny lalána, heloka. La peine n'était pas proportionnée au—. Tsy nifanerana ny *helony* sy ny famaizana. En flagrant—. Voy. FLAGRANT.

DÉLIVRANCE, *sf.* 1° Fanafahana. 2°—, Fanomezana, fanolorana.

DÉLIVRÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Afaka. Il est—des misères de cette vie. *Afaka* amy ny fahorian' izao fiainana izao izy. 2°—, Nomena, natolotra, notolorana. Les marchandises lui ont été délivrées. *Nomena, natolotra* azy ny entam-barotra, *nomena, notolorana* ny entam-barotra izy.

DÉLIVRER, *va.* 1° Manafaka.— quelqu'un de l'esclavage. *Manafaka* olona amy ny fanandevozana. — un prisonnier. *Manafaka* sambo-belona. — d'un siège. *Manafaka* amy ny fahirano. 2°—, Manome, manolotra. —des papiers. *Manome,* etc., taratasy.

Se délivrer, *vpr.* Miavo-tena, manafatena.

DÉLOGEMENT, *sm.* 1° Fialana amy ny trano. 2°—, Fialana, fandosirana.

DÉLOGER, *vn.* 1° Miala amy ny trano. Il déloge à la fin du mois. *Miala amy ny trano* izy raha amy faran' ny volana. 2°—, Miala, mandositra. —sans trompette. *Miala,* etc., mangingina.

—, *va.* 1° Mampiala amy ny trano. 2°—, Mampiala, mandroaka, mampandositra. —l'ennemi d'une hauteur. *Mampiala,* etc., ny fahavalo amy ny havoana.

DÉLOYAL, ALE, *adj.* 1° Mamitaka, mamadika, manody. Ami—. Sakaiza *mamitaka,* etc. 2°—, Misy fitaka. Conduite déloyale. Zavatra atao am-*pitaka.*

DÉLOYALEMENT, *adv.* Amim-pitaka.

DÉLOYAUTÉ, *sf.* Fitaka, famadihana.

DÉLUGE, *sm.* 1° Safo-drano. 2° *fig.* Remonter au—. Manomboka tantara lavitra loatra. Passons au—. Aoka holalodalovana izany. Après moi le—. Rahefa maty aho, tsy misy mampaninona ahy. Un—de larmes. Ranomaso mandriaka. Un—de paroles. Teny tsitokotsiforohana, teny ofa tsy teny intsony.

DÉLURÉ, ÉE, *adj.* Fetsy, mahira-tsaina.

DÉLUSTRER, *va.* Manavasoka, mahavasoka.

Se délustrer, *vpr.* Mihavasoka.

DÉMAGOGIE, *sf.* Fanambosiana ny vahoaka, famokisana—.

DÉMAGOGIQUE, *adj.* Manambosy ny vahoaka, mamoky—. Discours—. Lahateny *manambosy ny vahoaka,* etc.

DÉMAGOGUE, *sm.* Mpanambosy ny vahoaka, mpamoky—.

DÉMAILLOTER, *va.* Manesotra lamban-jaza.

DEMAIN, *adv.* et *sm.* Rahampitso, ampitso. —est un jour de fête, Andro fety *rahampitso.* De—en huit. Amy ny herin' ny *rahampitso,* etc.

DÉMANCHEMENT, *sm.* Fanovohana, fiovohana, fitsoahana.

DÉMANCHER, *va.* Manovoka. Démanchez cette hâche. *Ovohy* io famaky io.

Se démancher, *vpr.* 1° Miovoka, mitsoaka, 2° *fig.* Misaraka, tsy vanona. Le parti se démanche. *Misaraka* ny andaniny. L'affaire s'est démanchée. *Tsy vanona* ny raharaha.

DEMANDE, *sf.* 1° Hataka, fangatahana. Voici la—que je vous adresse. Intý ny *hataka,* etc, ataoko aminao. On vous a accordé votre—. Nekena ny *fangatahanao.* 2°—. Fanontaniana.

DEMANDER, *va.* 1° Mangataka, mihanta, miangavy, mitaky, miambezo, mitampesona, mitofendro, mierina. —de l'argent. *Mangata*-bola. Je vous demande votre secours. *Mangataka, mihanta, miangavy* ny fanampianao aho. Le malade demande un confesseur. *Mangataka* mpampikonfesy ny marary.—le paiement d'une dette. *Mitaky* trosa.—instamment. *Miambezo, mitampesona, mitofendro.* —sans cesse. Manao *hata*-piso. —davantage après avoir reçu. *Mierina.* —la permission. *Mangata*-dalana, miera, mivoha. || *loc.* —pardon. Mivalo, mifona. — pardon uniquement pour échapper à un malheur. Manao valombarotra. —grâce. Migarasy. 2°—, Mitady, maniry. On vous demande. Misy *mitady* anao. Il ne demande qu'à s'amuser. Tsy *mitady, maniry* afa-tsy ny hilalao izy. 3°—, Mila. Cela demande explication. *Mila* fivoasana izany. La terre demande de l'eau. *Mila* rano ny tany. 4°—, Manontany, manadina. Je viens vous — si vous partirez demain. Avy *manontany,* etc., anao aho raha hiala rahampitso hianao.

Se demander, *vpr.* 1° Angatahina. 2°—, Anontaniana. Cela ne se demande pas. Tsy *anontaniana* izany. 3°—, Mieritreritra, mihevitra. Je me demande ce que je dois faire *Mieritreritra,* etc., izay tokony hataoko aho.

DEMANDEUR, EUSE, *s.* Mpangataka, mpiambezo, mpitampesona, mpitofendro.

Demandeur, eresse, *s.* Mpitory.

DÉMANGEAISON, *sf.* 1° Hidihidy, lailay. —provenant des poils des plantes, des chenilles. *Lailay.* Les poils des raquettes causent des démangeaisons. Ny lain-draketa *mampalailay.* 2° *fig.* Il a la — de parler. *Mangidihidy* te-hiteny izy.

DÉMANGER, *vn.* 1° Mangidihidy, malailay. La tête me démange. *Mangidihidy* ny lohako. 2° *fig.* Mangidihidy. La langue lui démange. *Mangidihidy* te-hiteny izy.

DÉMANTELER, *va.* Mandrava mánda. On démantela la ville. *Noravana* ny *mándan'* ny tanána.

DÉMANTIBULER, *va.* Manapaka, manimba. —une machine. *Manapaka,* etc,. milina. || *loc.* Il criait à se — la machoire. Tataka erý ny vavany azon'ny minananána.

DÉMARCATION, *sf.* Fetra, famerana, faritra, famaritana. Tracer une ligne de — entre deux Etats. Manisy *fetra, faritra* ao anelanelan' ny fanjakana roa. Tracer une ligne de — entre divers pouvoirs. *Mametra* fahefana samihafa.

DÉMARCHE, *sf.* 1° Fandeha, famindra. Il a une — embarrassée. Adaladala *fandeha,* etc., izy. Avoir une — fière. Mianjonanjom-*pandeha,* midihindihina. Avoir une — lente. Miadam-*pandeha,* midanesaka, mitsilasilasy. Avoir une — timide. Mikaodikaody *fandeha,* 2° *fig.* Ny atao, izay.... Surveillez ses démarches. Tandremo *ny ataony.* Il a fait des démarches pour obtenir un emploi. Nanao *izay* hahazoany raharaha izy.

DÉMARQUER, *va.* Manala marika. —du linge. *Manala marika* amy ny lamba.

DÉMARRER, *va.* Mamaha. Démarrez ce cordage. *Vahao* io mahazaka io. —une pirogue. *Mamaha* lakana.

—, *vn.* 1° Miala amy ny fitodian-tsambo, 2° *fig.* Miala.

DÉMASQUER, *va.* 1° Manala sarontava. 2° *fig.* Mampiseho, mampiharihary, mampiseho araka ny toetrany. — les ruses de l'ennemi. *Mampiseho, mampiharihary* ny fitaky ny fahavalo. Je démasquerai ce fourbe. *Hasehoko araka ny toetrany* io mpihatsaravelatsihy io.

Se démasquer, *vpr.* 1° Miala saron-tava. 2° *fig.* Miseho, miharihary, miseho araka ny toetrany.

DÉMÂTER, *va.* Manala salazan-tsambo, manapaka—. La tempête a démâté le navire. *Nanapaka* ny *salazan-tsambo* ny tafio-drivotra.

DÉMÊLÉ, *sm.* Fifandirana.

DÉMÊLER, *va.* 1° Mandanto, manala olana, manaratsaraka. — du fil. *Mandanto, manala olana* taretra.— les cheveux. *Manaratsaraka* ny volon-doha. Voy. DÉBROUILLER. 2° *fig.* Manazava, manavaka. — une affaire. *Manazava* raharaha. — le vrai du faux. *Manavaka* ny marina amy ny diso. 3°—, Mamantatra, mahita. Je ne puis le—dans la foule. Tsy azoko *fantarina, hita* ao analy vahoaka izy. 4°—, Mifandltra. Qu'avez-vous à—ensemble? Inona no *ifandiranareo?*

Se démêler, *vpr.* 1° Milanto, misaratsaraka. 2° *fig.* Mihamazava, miavaka. 3°—, Miala, mitsoaka. Il a su se—de cet embarras. Nahay *niala, nitsoaka* tamin'izany raharaha nanahirana izany izy.

DÉMÊLOIR, *sm.* Fihogo mahalana.

DÉMEMBREMENT, *sm.* Fizarazarana, fampisarahana.

DÉMEMBRER, *va.* 1° Manapatapaka rantsam-batana. 2° *fig.* Mizarazara, mampisaraka. Les barbares démembrèrent l'empire romain. Ny baribariana *nizarazara* ny fanjakana romana. Cette province fut démembrée de l'empire *Nosarahina* tamy ny fanjakana izany fari-tany izany.

Se démembrer, *vpr.* 1° Tapa-pe na sandry. 2° *fig.* Mizarazara.

DÉMÉNAGEMENT, *sm.* Famindrana entana amy ny trano hafa, fifindran-trano.

DÉMÉNAGER, *va.* Mamindra entana amy ny trano hafa.

—, *vn.* 1° Mifindra trano. 2° *fig.* Miverin-tsaina, mirediredy foana.

DÉMENCE, *sf.* Haverezan-tsaina, hadalana.

DÉMENER (SE), *vpr.* Mikofokofoka, mitsipatsipaka, mitrifantrifana, mihavatravatra, mihoalahoala. Il se démène comme un possédé. *Mikofokofoka,* etc., hoatry ny olona mararin-javatra izy. 2° *fig.* Misahirana, mikorapaka. Il s'est bien démené pour cette affaire. *Nisahirana,* etc., mafy tamin' izany raharaha izany izy.

DÉMENTI, *sm.* 1° Fandávana ny voalazany, fanoherana—, fampandaingana. Il lui donna un—. *Nandá, nanohitra ny voalazany* izy, *nampandainga* azy izy. 2° *fig.* Fifanoherana, tsy fahombiasana. Ces faits donnent un—à votre assertion. *Mifanohitra* amin' izay voalazanao ireo zavatra niseho ireo. Il a entrepris cela, et je crois qu'il en aura le—. Nanomboka izany raharaha izany izy, ary ataoko fa *tsy hahomby.*

DÉMENTIR, *va.* 1° Mandá, manohitra, mampandainga. Démentirez-vous votre signature? Moa sahinao *holavina, hotoherina* ny sonianao? 2° *fig.* Mifanohitra, manao zavatra mifanohitra. Sa conduite dément ses paroles. Ny fitondran-tenany *mifanohitra* amy ny teniny. Ne démentez pas votre réputation. Aza *manao zavatra mifanohitra* amy ny lazanao.

Se démentir, *vpr.* 1° Mifanohitra, miova teny. Le témoin s'est démenti. *Nifanohitra* ny tenin' ny vavolombelona, *niova teny* ny vavolombelona. 2° *fig.* Mitsahatra, miova. Sa bonté ne se dément pas. Tsy *mitsahatra,* tsy *miova* ny hazavam-pony.

DÉMÉRITE, *sm.* Tsiny.

DÉMÉRITER, *vn.* Mila tsiny, mahazo tsiny. Ne déméritez pas de votre patrie. Aza *mila tsiny* amy ny tanin-drazanao. Il a démérité de sa famille. *Nahazo tsiny* tamy ny fianakaviany izy.

DÉMESURÉ, ÉE, *adj.* Diso ohatra, tsy anerana, mihoa-pampana. C'est un homme d'une taille démesurée. *Diso ohatra,* etc., ny halavan' io lehilahy io. Il est dominé par une ambition démesurée. Azon' ny fitsiriritam-boninahitra *diso ohatra,* etc., izy.

DÉMESURÉMENT, *adv.* Izaitsizy.

DÉMETTRE, *va.* 1° Manapitsoka, mampipitsoka, mampioritra. 2° *fig.* Manesotra amy ny raharaha.

Se démettre, *vpr.* 1° Mipitsoka, mioritra. Son poignet s'est démis. *Nipitsoka,* etc., ny hato-tánany. 2° *fig.* Miala. Il s'est démis de son emploi. *Niala* tamy ny raharahany izy.

DÉMEUBLEMENT, *sm.* Fanalana fanaka.

DÉMEUBLER, *va.* Manala fanaka. — une maison. *Manala fanaka* amy ny trano.

DEMEURANT, ANTE, *adj.* Monina, mitoetra, mipetraka.

Au demeurant, *loc.adv.* Kanefa, na dia izany aza.

DEMEURE, *sf.* Trano, fonenana, fitoerana, toerana, fipetrahana. Changer de —. Mifindra *trano, fonenana.* N'avoir pas de — fixe. Tsy manana anton-*trano,* eto. ‖ *loc.* Mettre en —. Manery. Je l'ai mis en — de payer sa location ou de s'en aller. *Notereko* mba handoa ny hofan-trano izy na hiala. Vitrage à —. Fitaratra tsy mihetsiketsika.

DEMEURER, *vn.* 1° Monina, mitoetra, mitomoetra, mipetraka. Il demeure à Tamatave. *Monina,* etc., any Toamasina izy. 2° —, Mijanona, maharitra, mitsahatra. Il est demeuré longtemps en chemin. *Nijanona, naharitra* ela tany an-dálana izy. Demeurez ici jusqu'à demain. *Mijanóna* atý hatramy ny rahampitso. La parole vole, les écrits demeurent. Ny teny mandalo, ny soratra *maharitra.* Vous êtes déjà capitaine, il ne faut pas en—là. Efa kapiteny sahady hianao izao, ka tsy tokony *hijanona* amin' izany. L'affaire n'en demeurera pas là. Tsy mbola *hijanona, hitsahatra* amin' izany ny raharaha. Voilà où nous en sommes demeurés de notre lecture. Toto no *nijanonanay* tamy ny teny novakinay. Demeurons-en là. Aoka *hitsahatra* amin'izay isika, aoka izay. ‖ *loc.* Ce que j'ai mangé m'est demeuré sur l'estomac. Mbola mamotsentsina ato ambavafóko ny hanina nohaniko. Il demeure toujours dans le même état. Tsy miova toetra izy. La ville demeure vacante. Foana ny tanána. Il est demeuré muet. Tsy niteny tsy nivolana izy. 3° —, Maty, tavela, tahirizina, tanana, hazonina, lasana. Trois mille hommes demeurèrent sur la place. Telo arivo lahy no *maty, tavela* tao amy ny tany niadiana. Cela lui est demeuré sur le cœur. Mbola *voatahiriny* am-po hiany izany. Il ne lui est rien demeuré de tant de biens qu'il avait. Tsy nisy *voatahiriny, voatanany, voahazony* ho azy ny fananam-be nananany. La gloire lui en est demeurée tout entière. *Lasan'* izy irery avokoa ny voninahitra tamin' izany.

DEMI, IE, *adj.* Antsasany, sasany, tapany. Il a travaillé demi-heure. Niasa *antsasak'* adim-pamantaranandro izy. Il est deux heures et demie. Amy ny roa sy *sasany* izao. Il a travaillé une demi-journée. Niasa *tapak'* andro izy. Il y a un mois et—qu'il est parti. Iray volana sy *tapany* no nialany teto. J'ai acheté une demi-mesure de riz. Nividy vary *tapa*-paheniny aho. ‖ *loc.* Demi-brasse. Mamaky tratra. Cette étoffe a une demi-brasse de large. *Mamaky tratra ny* haben' io lamba io. Demi-piastre. Loso. Où il y a un demi-jour. Maizimaizina. Demi-savant. Mahay antonintoniny, mahaihay, tsy mahay loatra.

Demi, *sm.* Ampaharoa. Trois demis. Telo *ampaharoa.*

Demie, *sf.* Ny antsasany. La pendule sonne les demies. Maneno amy *ny antsasany* ny famantaranandro.

À demi, *loc. adv.* **Demi,** *adv.* Sasaka, ila. La viande est—brûlée. Kila *sasaka* ny hena. Ne voir une chose qu'à—. Mijery *ilany* amy ny zavatra anankiray. ‖ *loc.* Cela n'est cuit qu'à—, cela est—cuit. Mantoanto izany. A—rongé. Takila. La viande est à — rongée par les rats. *Notakilain'* ny voalavo ny hena. Qui est—mort. Torana, marary mafy, efa ho faty. Savoir les choses à—. Mahay antonintoniny, mahaihay, tsy mahay loatra. Faire les choses à—. Tsy mahatanteraka tsara, manao mosalahy. Voy. MOITIÉ.

DEMI-BAIN, *sm.* Filoman-tapaka.

DEMI-CERCLE, *sm.* Ny antsasaky ny fari-bolana.

DEMI-MOT (À), *loc. adv.* Parler à—. Manao teny tsy loa-body.

DÉMIS, ISE, *p.* et *adj.* 1° Napitsoka, mipitsoka, naoritra, nioritra. 2° *fig.* Nesorina tamy ny raharaha, niala.

DÉMISSION, *sf.* Fialana amy ny raharaha.

DÉMISSIONNAIRE, *s.* Miala amy ny raharaha.

DÉMOCRATE, *sm.* Olona tia *démocratie.*

DÉMOCRATIE, *sf.* Fanjakana entim-bahoaka.

DÉMOCRATIQUE, *adj.* Momba ny *démocratie.*

DEMOISELLE, *sf.* 1° Tovovavy tsy manam-bady. 2° —, Angidina. 3° —, Fitotoan-tany.

DÉMOLIR, *va.* Mandrava. —une maison. *Mandrava* trano.

DÉMOLISSEUR, *sm.* Mpandrava.

DÉMOLITION, *sf.* 1° Fandravana. 2° —, *pl.* Korontan-javatra avy amy ny trano rava. Les démolitions de cet édifice ont été bien vendues. Lafo ny *korontan-javatra avy amin'* io *trano rava* io.

DÉMON, *sm.* 1° Demony, devoly, angatra, angabe, zavatra. 2° *fig.* Karilahy, olon-tsompatra.

DÉMONÉTISATION, *sf.* Fandrarana vola na taratasy vola.

DÉMONÉTISER, *va.* 1° Mandrara vola na taratasy vola. 2° *fig.* Manazimbazimba.

DÉMONIAQUE, *s.* et *adj.* 1° Azon' ny demony, mararin-javatra, mararin-dramanenjana, demoniaka. 2° *fig.* Olona saro-po.

DÉMONSTRATIF, IVE, *adj.* 1° Manamarina, manaporofo, mampiharihary. Preuve démonstrative. Porofo *manamarina,* etc. 2° —, Mampiseho fitiavana. Personne démonstrative. Olona *mampiseho fitiavana.* 3°—, Manondro. Pronom—. Pronaona *manondro.*

DÉMONSTRATION, *sf.* 1° Fanamarinana, fanaporofoana, porofo, fampiharihariana. 2°—, Fampisehoana. Faire des démonstrations de joie. *Mampiseho* hafaliana.

DÉMONSTRATIVEMENT, *adv.* Ankarihary.

DÉMONTAGE, *sm.* Fandravana, fanaratsarahana.

DÉMONTER, *va.* 1° Mamotraka, mandavo, manjera. Le cheval a démonté son cavalier. Ny soavaly *namotraka,* etc., ny mpitaingina azy. 2°—, Mandrava, manaratsaraka. —une montre. *Mandrava,* etc., famantaranandro. En deux heures on démonta les batteries des ennemis. *Rava* tao anatin' ny adim-pamantaranandro roa ny baterin' ny fahavalo. 3° *fig.* Mahasanganehana. Cette objection le démonta. *Nahasanganehana* azy izany fanoherana izany.

Se démonter, *vpr.* 1° Rava, misaratsaraka. 2° *fig.* Sanganehana. Comme SE DÉCONCERTER.

DÉMONTRABLE, *adj.* Azo hamarinina, azo porofoina.

DÉMONTRÉ, ÉE, *p.* et *adj.* Nohamarinina, voaporofo, noporofoina, miharihary.

DÉMONTRER, *va.* 1° Manamarina, manaporofo, mampiharihary. 2° *fig.* Mampiseho.

Se démontrer, *vpr.* Hamarinina, porofoina.

DÉMORALISATEUR, TRICE, *adj.* et *s.* Manimba, maharatsy. Opinion démoralisatrice. Hevitra *manimba,* etc.

DÉMORALISATION, *sf.* 1° Fanimbana, fahasimbana, faharatsiana. 2°—, Firaviravezan-tánana.

DÉMORALISER, *va.* 1° Manimba, maharatsy. Les mauvaises sociétés l'ont démoralisé. Ny naman-dratsy *nanimba, naharatsy* azy. 2°—, Mampiraviravy tánana. Le premier échec démoralisa les troupes. Ny faharesena voalohany *nampiraviravy tánana* ny mpiantafika.

Se démoraliser, *vpr.* Miraviravy tánana.

DÉMORDRE, *vn.* 1° Mamela mahazo. Le chien prit le sanglier à l'oreille, et ne démordit point. Niantsampy tamy ny sofin' ny lambo ny alika, ka tsy *namela nahazo.* 2° *fig.* Il ne veut pas—de son opinion. Mitompo teny fantatra, mikiribiby amy ny heviny izy.

DÉMUNIR, *va.* Manesotra fiadiana. —une forteresse. *Manesotra fiadiana* amy ny tanána fiarovana.

Se démunir, *vpr.* Mahafoy. Se—de son argent. *Mahafoy* ny volany.

DÉMURER, *va.* Manesotra tampim-baravarana. Démurez cette fenêtre. *Esory* ny *tampin'* io varavaran-kely io.

DÉMUSELER, *va.* Manesotra sarombavam-biby. —un chien. *Manesotra sarom-bavan'* alika.

DÉNANTIR (SE), *vpr.* 1° Mahafoy fampitanana, mahafoy antoka. 2° *fig.* Mahafoy.

DÉNATIONALISER, *va.* Manakipaka tsy ho vahoaka.

Se dénationaliser, *vpr.* Miala tsy ho vahoaka.

DÉNATURÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Novantoetra, niova toetra, novana, niova. 2° *fig.* Nosimbana, ratsy fo, masiaka, tsy vanona. Père—. Ray *ratsy fo, masiaka.* Âme dénaturée. Olon-*tsy vanona.*

DÉNATURER, *va.* 1° Manova toetra, manova. —un objet volé. *Manova toetra* ny zavatra nangalarina. —une histoire. *Manova* tantara. 2° *fig.* Manimba, maharatsy. Les passions dénaturent le

cœur. Ny filan-dratsy *manimba,* etc., ny fo.

Se dénaturer, *vpr.* 1° Miova toetra, miova. 2° *fig.* Simba, miharatsy.

DÉNÉGATION, *sf.* Fandávana. Il persiste dans sa—. Tsy miova amy ny *fandávany* izy.

DÉNI, *sm.* Fandávana. C'est un — de justice. *Mandá* hitsara izy.

DÉNIAISER, *va.* Mahakinga. Les affaires l'ont déniaisé. *Nahakinga* azy ny fanaovan-draharaha.

Se déniaiser, *vpr.* Mihakinga.

DÉNICHER, *va.* 1° Maka amy ny akany. —des oiseaux. *Maka* vorona *amy ny akany.* 2° *fig.* Mandroaka, mampiala. —les ennemis. *Mandroaka,* etc., ny fahavalo. 3°—, Mahita. —de l'argent dans un trou. *Mahita* vola anaty lavaka.

—, *vn.* 1° Miala amy ny akany. 2° *fig.* Miala, mandositra. Il a déniché cette nuit. *Niala,* etc., halina izy.

DÉNICHEUR, *sm.* 1° Mpaka vorona amy ny akany. 2° *fig.* Mpahita zavatra.

DÉNIER, *va.* Mandá. —une dette. *Mandá* tsy ananan' olon-trosa. On lui a dénié toute justice. *Nolavina* ny hitsara azy.

DENIER, *sm.* 1° Denié. 2° *fig.* Vola. J'ai payé de mes deniers. Efa naloako tamy ny *volako.* Les deniers publics. Ny *volam*-panjakana.

DÉNIGREMENT, *sm.* Fanebahana, fanamavoana, fanazimbana, fanaratsiana.

DÉNIGRER, *va.* Manebaka, manamavo, manazimba, manaratsy. —quelqu' un. *Manebaka,* etc., olona. —les ouvrages de quelqu'un. *Manebaka,* etc., ny nataon' olona.

Se dénigrer, *vpr.* 1° Maniva tena, manetry tena. 2°—, Mifanebaka, mifanaratsy.

DÉNOMBREMENT, *sm.* Fanisana. Faire le — des habitants d'une ville. *Manisa* ny mponina amy ny tanána anankiray.

DÉNOMBRER, *va.* Manisa.

DÉNOMINATEUR, *sm.* Ny isan' ny fraksiona miluza ampahafiriny no izarana ny venty.

DÉNOMINATION, *sf.* Anarana. Ne changez pas les dénominations reçues. Aza ovana ny *anarana* fanao.

DÉNOMMER, *va.* Manisy anarana. Il faut — toutes les parties dans un contrat. Tsy maintsy *hasiana* ny *anaran'* ny andaniny samihafa ao amy ny taratasy fanekena.

DÉNONCER, *va.* 1° Milaza, manambara. —la guerre. *Milaza,* etc., fa hiady. 2° —, Miampanga. — un voleur. *Miampanga* mpangalatra.

Se dénoncer, *vpr.* Miampanga tena.

DÉNONCIATEUR, TRICE, *s.* Mpiampanga.

DÉNONCIATION, *sf.* 1° Filazana, fanambarana. 2° —, Fiampangana.

DÉNOTER, *va.* Manambara, mampiseho. Cela dénote un naturel pervers. *Manambara,* etc., toe-panahy ratsy izany.

DÉNOUEMENT ou **DÉNOÛMENT,** *sm.* Farany, fahataperana, fiafarana. L'affaire arrive à son—. Tonga amy ny *farany,* efa ho *tapitra* ny raharaha. Quel sera le — de la guerre? Inona no ho *farany,* no *hiafaran'* ny ady?

DÉNOUER, *va.* 1° Mamaha. —un cordon. *Mamaha* kofehy. 2° *fig.* Manazava, mahakinga. — une affaire embrouillée. *Manazava* raharaha misafotofoto. ‖ *loc.* — la langue à quelqu'un. Mampiteny olona.

Se dénouer, *vpr.* 1° Mivaha. 2° *fig.* Mihamazava, mihakinga. Ses jambes se sont dénouées. *Nihakinga* ny tongony. ‖ *loc.* Sa langue s'est dénouée à la fin. Tamy ny farany dia niteny izy.

DENRÉE, *sf.* Zavatra fihinana, varotra. Cette — commence à manquer. Mihakely izany *zavatra fihinana* izany. Il vend bien sa—. Lafony tsara ny *varony.*

DENSE, *adj.* Rendrika, mifintina. L'or est plus—que l'argent. Ny volamena dia *rendrika,* etc., kokoa noho ny volafotsy. L'eau est plus—que l'air. Ny rano dia *mifintina* kokoa noho ny rivotra.

DENSITÉ, *sf.* Harendrika, fifintina.

DENT, *sf.* 1° Nify, vazana, vangy. Dent de lait. *Nify* mbola tsy nifona. Dents canines. Ombalahy *nify.* Dents canines des animaux. *Vangy.* Dents incisives. *Nify* anoloana, ny *andria-nify.* Dents molaires. *Vazana.* Dents de sagesse. Fara *vazana.* Fausses dents. Solo-*nify.* Cet enfant fait ses dents. Vao maniry *nify* io zaza kely io. Cet enfant a fait ses dents. Ary *nify* io zaza kely io. Perdre les dents de lait. Mifo-*nify.* Qui a de grosses dents. Batry *nify.* Qui a des dents saillantes. Traky *nify.* Arracher les dents. Manala *nify.* Ne pas desserrer les dents.



Mihidy *vazana*, mikitroka. Grincer des dents. Mikitro-*nify*. Dents d'une scie. *Nifin*-tsofa. ‖ *loc.* Qui a perdu des dents. Banga. Qui n'a plus de dents. Banga ridana. Qui a mal aux dents. Mararin' ny olitra. Remède pour le mal de dents. Ody olitra. N'avoir pas de quoi mettre sous la—. Tsy manan-ko hanina. Mordre à belles dents. Manaikitra mafy. Le chien a saisi mon habit avec les dents. Norambosan' ny alika ny akanjoko. Parler entre ses dents. Miboredidredika. 2° *fig.* Donner des coups de—, déchirer à belles dents. Mifosa, manaratsy. Avoir une—contre quelqu'un. Manao an-dolompo amin' olona. Montrer les dents à quelqu'un. Manohitra, mandrahona olona. Rire du bout des dents. Mody mihomehy, mihomehy ra. Etre sur les dents. Reraka, trotraka, valaka. Mettre quelqu'un sur les dents. Mahareraka, mahatrotraka, mahavalaka olona. Il y a longtemps qu'il n'a plus mal aux dents. Efa ela no nahafatesany, efa ela no naha-rabevoina azy. Il est armé jusqu'aux dents. Rakotra fiadiana ny tenany.

DENTAIRE, *adj.* Momba ny nify. Cavité—. Lavaka itsatohan' ny *nify*.

DENTAL, ALE, *adj.* Amy ny nify, tononina amy ny nify. Les nerfs dentaux. Ny hoza-*nify*. Lettre dentale. Litera *tononina amy ny nify*.

—, *sf.* Litera tononina amy ny nify.

DENTÉ, ÉE, *adj.* Misy nify. Roue dentée. Kodiarana *misy nifinifiny*.

DENTELÉ, ÉE, *adj.* Misy nifinifiny. Feuilles dentelées. Ravin-kazo *misy nifinifiny*. Le bord de sa robe était—. *Nisy nifinifiny* ny sisin-jipony.

DENTELER, *va.* Manisy nify.

DENTELLE, *sf.* Dantely.

DENTELURE, *sf.* Nifinify. Faire des dentelures à un morceau de cuir. Manao *nifinify* amy ny sombin-koditra.

DENTIFRICE, *adj.* et *sm.* Famotsianify. Poudre—. Vovoka *famotsia-nify*.

DENTISTE, *sm.* Mpanala nify, mpanamboatra nify, mpanao solo-nify.

DENTITION, *sf.* Faniria-nify. Cet enfant fait sa—. Vao *maniry nify* io zaza kely io.

DENTURE, *sf.* Filahatry ny nify. Il a une belle—. Tsara *filahatra ny nifiny*.

DÉNUDATION, *sf.* Fanalana nofo, fanendahana.

DÉNUDER, *va.* Manala nofo, manendaka. —un os. *Manala nofo* amy ny taolana. —un arbre. *Manendaka* hoto-kazo.

Se dénuder, *vpr.* Miendaka.

DÉNUÉ, ÉE, *adj.* Tsy manana. —d'argent. *Tsy manam*-bola. —de tout. *Tsy manana* na inona na inona, miporipory, mikaforoforo. —de bon sens. *Tsy manan*-tsaina.

DÉNUEMENT ou **DÉNÛMENT,** *sm.* Tsy fananana, fahantrana. Il est dans un grand—. *Tsy manam*-bariraiventy, *mahantra* dia mahantra izy.

DÉNUER, *va.* Manesotra, manala.

DÉPAQUETER, *va.* Mamboraka. —des lettres. *Mamboraka* taratasy ampitondraina.

DÉPAREILLÉ, ÉE, *adj.* Tsy mivady, hafa singana, nifanova, misy tsy ao. Gants dépareillés. Gan-tánana *tsy mivady, hafa singana, nifanova*. Cette douzaine de mouchoirs est dépareillée. Nisy *nifanova, misy tsy ao* ny mosara roa amby ny folo.

DÉPAREILLER, *va.* Manova singana, mampifanova.

DÉPARER, *va.* Tsy manendrika. Ce vieux chapeau vous dépare. *Tsy manendrika* anao io satroka tonta io.

DÉPARIÉ, ÉE, *adj.* Tsy mivady, hafa singana, nifanova. Souliers dépariés. Kiraro *tsy mivady*, etc.

DÉPARIER, *va.* 1° Manova singana, mampifanova. 2°—, Mampisaraka biby mivady.

DÉPART, *sm.* Fialana, fandehanana. J'ai vu votre ami avant mon—. Hitako isakaizanao talohan' ny *nialako, nandehanako*. Il est sur son—. Efa *hiala, handeha* izy.

DÉPARTEMENT, *sm.* 1° Antokondraharahan' ny ministra, raharaha. —des affaires étrangères. *Raharaha* momba ny vahiny. Cela n'est pas dans son —. Tsy *raharahany* izany. 2°—, Fizaran-taniu' ny Frantsay.

DÉPARTEMENTAL, ALE, *adj.* Momba ny *département*.

DÉPARTIR, *va.* Mizarazara, manome. Dieu départ ses grâces avec équité. Andriamanitra *mizarazara*, etc., ny falasoavany araka ny rariny.

Se départir, *vpr.* Miala, mamela, diso. Il ne veut point se—de son opinion Tsy mety *miala* amy ny heviny, tsy *mamela* ny heviny izy. Il ne s'est

jamais départi de son devoir. Tsy mbola *diso* tamy ny tsy maintsy hataony izy.

DÉPASSER, *va.* 1° Manesotra. Dépassez le lacet de mes souliers. *Esory* ny kofehin-kiraroko. 2°—, Mihoatra. Le cheval m'a dépassé. *Nihoatra* ahy ny soavaly. 3° *fig.* Mihoatra, manan-tombo. Son avarice dépasse les bornes. *Mihoapampana* ny fahidiany. Il me dépasse d'un empan. *Mihoatra, manan-tombo* irain-jehy amiko izy. Ce travail dépasse mes forces. *Mihoatra* ny heriko izany asa izany. ‖ *loc.* Il me dépasse de toute la tête. Hatendany aho. —l'alignement comme une dent, un os. Mitsitsindrana.

DÉPAVAGE, *sm.* Fanesorana ngorodom-bato, —lampivato.

DÉPAVER, *va,* Manesotra ngorodombato, —lampivato.

DÉPAYSER, *va.* 1° Maniraka amy ny tany hafa. Il faudrait — ce jeune homme. Tokony *hirahina amy ny tany hafa* io tovolahy io. 2° *fig.* Mahasanganehana, manadala. Il cherchait par cette question à me—. Nitady *hahasanganehana,* etc., ahy tamin' izany fanontaniana izany izy.

Se dépayser, *vpr.* Miala amy ny tanindrazana. Cette famille s'est dépaysée. *Niala tamy ny tanin-drazany* izany fianakaviana izany.

DÉPÈCEMENT, *sm.* Fandidiana, fitetehana, fandravaravana.

DÉPECER, *va.* Mandidididy, mitetika, mandravarava. —une volaille. *Mandidididy, mitetika* akoho. —un vieux bateau. *Mandravarava* sambo tonta.

DÉPÊCHE, *sf.* Taratasy ampitondraina, telegrama. J'ai reçu une — télégraphique. Efa nahazo *taratasy* avy amy ny telegrafy, nahazo *telegrama* aho.

DÉPÊCHER, *va.* 1° Maniraka. —un courrier. *Maniraka* mpitondra taratasy. 2°—, *Manafaingana.* Dépêchez cette besogne. *Hafaingano* izany raharaha izany.

Se dépêcher, *vpr.* Manao faingana, haingana, faingana. Dépêchez-vous. *Alaovy faingana, haingána, faingàna.* Dépêchez-vous de partir. Mialà *haingana, faingana.*

DÉPEINDRE, *va.* Milaza toetra, mampiseho. Il m'a bien dépeint le personnage. *Voalazany, nasehony* tsara tamiko ny *toetr'* ilay olona.

DÉPEINT, EINTE, *p.* et *adj.* Voalaza, nolazaina, naseho.

DÉPENDANCE, *sf.* 1° Fifehezana. Il est affranchi de toute—. Afaka amy ny *fifehezana* rehetra izy. Il est sous la— de son père. Ao ambanin' ny *fifehezan*-drainy izy. 2°—, Fiankinana. Le corps et l'âme sont dans une mutuelle —. *Mifampiankina* ny fanahy sy ny vatana. 3°—, *pl.* Fanampiny. L'église et ses dépendances. Ny trano leglizy sy ny *fanampiny.*

DÉPENDANT, ANTE, *adj.* 1° Fehezina, ambanin' ny fifehezana. 2°—, Miankina, avy. 3°—, Fanampy.

DÉPENDRE, *va.* Manesotra ny mihantona. —un tableau. *Manesotra* sary *mihantona.*

—, *vn.* 1° Fehezina, ambanin' ny fifehezana. Les enfants dépendent de leur père. Ny zanaka *fehezin' ny* rainy, *ambanin' ny fifehezan'* ny rainy. 2°—, Miankina, fototra, araka, avy. Notre bonheur éternel dépend de notre conduite. *Miankina* amy ny fitondran-tenantsika ny hafinaretana mandrakizay, ny fitondran-tenantsika no *fototry* ny hafinaretana mandrakizay. Cela dépend des circonstances. *Miankina* amy ny toe-draharaha izany, *araka* ny toe-draharaha izany. La victoire dépend du général. *Miankina* amy ny jeneraly ny fandresena. Si cela dépendait de moi, je ne balancerais pas. Raha tahiny *miankina* amiko izany, dia tsy hisalasala aho. 3°—, Fanampy. Ce jardin dépend de cette maison. Ity tanimboly ity *fanampin'* itsy trano itsy.

DÉPENS, *sm. pl.* 1° Ny lany amy ny fitsarana. Il a été condamné aux—. Nosazina mba handoa *ny lany tamy ny fitsarana* izy. 2°—, Ny lany. On fera reconstruire cette maison à vos—. Tsy maintsy haloanao *ny lany* amy ny hanorenana io trano io. ‖ *loc.* Vivre à ses propres —. Homana ny an-tena. Vivre aux — d'autrui. Homana ny an' olona. Vivre aux— du peuple. Homam-bahoaka. Rire aux — de quelqu'un. Mihomehy olona. Il l'a sauvé aux — de sa propre vie. Maty namonjy azy izy.

DÉPENSE, *sf.* 1° Ny lany. Ne pas regarder à la—. Tsy mitety *ny lany.* 2°—, Efi-trano fitahirizan-kanina. 3° *fig.* Fampisehoana. Il a fait inutilement une grande—d'érudition. Sasa-poana *nampiseho* ny fahaizany izy.

DÉPENSÉ, ÉE, *p.* Lany, nolanina. — inutilement. *Lany* maina. — en bagatelles. *Lany* an-tetiny, *lany* antsávony.

DÉPENSER, *va.* 1° Mandany. 2° *fig.* Mampiseho.

Se dépenser, *vpr.* Lanína. L'argent se dépense vite. *Lanína* haingana ny vola.

DÉPENSIER, IÈRE, *adj.* et *s.* Mpandany be. C'est un grand—. *Mpandany* be izy.

—, *sm.* Mpamoaka hanina.

DÉPERDITION, *sf.* Fihenána.

DÉPÉRIR, *vn.* 1° Mihareraka, mihaosa, mihena, mihafohatra. Le malade dépérit. *Mihareraka, mihaosa* ny marary. Sa santé dépérit. *Mihena* ny hasalamany. La vigne dépérit. *Mihafohatra* ny foto-boaloboka. 2°—, Mihasimba. La maison dépérit. *Mihasimba* ny trano.

DÉPÉRISSEMENT, *sm.* 1° Faharerahana, fahosana, fihenána. 2°—, Fahasimbana.

DÉPÊTRER, *va.* 1° Manafaka. — un bœuf d'un terrain marécageux. *Manafaka* omby latsaka an-kona. 2° *fig.* Manafaka.

Se dépêtrer, *vpr.* Miala, manafa-tena, afaka.

DÉPEUPLEMENT, *sm.* Fahavitsiamponina, fahavitsiam-biby.

DÉPEUPLER, *va.* Mahavitsy ny mponina, mahavitsy ny biby. La petite-vérole a dépeuplé la ville. Ny nendra *nahavitsy ny mponina* tao an-tanána. —un étang de poissons. *Mahavitsy* ny hazandrano amy ny kamory.

Se dépeupler, *vpr.* Mihavitsy mponina, —biby.

DÉPIÉCER, *va.* Comme Dépecer.

DÉPILATIF, IVE, *adj.* Mampiongobolo.

DÉPILATOIRE, *sm.* et *adj.* Zavatra mampiongo-bolo.

DÉPILER, *va.* Mampiongo-bolo.

Se dépiler, *vpr.* Miongo-bolo.

DÉPIQUER, *va.* 1° Mively vary. 2°—, Manata-jaitra. —une couverture. *Manata-jaitra* amy ny lamba firakofana.

DÉPISTER, *va.* 1° Mahazo ambolo. Le chien a dépisté un sanglier. Ny alika *nahazo ambolo* lambo anankiray. 2° *fig.* Mahafantatra, mahita.

DÉPIT, *sm.* Hasosorana, fahasosorana. J'ai un vrai—de ce qu'il a fait. *Mahasosotra* ahy tokoa ny nataony.

En dépit de, *loc. prép.* 1° Na dia sakanana aza. J'en viendrai à bout en—de tout le monde. Hotanterahiko izany *na dia sakanan'* ny olona rehetra *aza.* 2° *fig.* Il a fait cela en—du bon sens. Tsy misy heviny ny nanaovany izany.

DÉPITER, *va.* Mahasosotra.

Se dépiter, *vpr.* Sosotra.

DÉPLACÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Nafindra toerana. 2° *fig.* Nesorina tamy ny raharaha, tsy mendrika, tsy mety. Cet homme est — dans cet emploi. *Tsy mendrika* hanao izany raharaha izany io olona io. Il tient des propos déplacés. Manao resaka *tsy mety* izy.

DÉPLACEMENT, *sm.* Famindran-toerana, fifindran-toerana.

DÉPLACER, *va.* 1° Mamindra toerana. Ne déplacez rien. Aza *mamindra toerana* ny zavatra na inona na inona. 2° *fig.* Manesotra amy ny raharaha.

Se déplacer, *vpr.* Mifindra toerana.

DÉPLAIRE, *vn.* Tsy tiana, mahasosotra, mampalahelo. Cela lui déplaît à la mort. *Tsy tiany* velively izany. Il craint de vous—en faisant cela. Atahorany fandrao *mahasosotra, mampalahelo* anao izy raha manao izany. ‖ *loc.* Ne vous déplaise, ne vous en déplaise. Aza fady, aza tsiny. Je n'en ferai rien, ne vous déplaise. *Aza fady, aza tsiniko,* fa tsy hanao izany mihitsy aho.

Se déplaire, *vpr.* Tsy tia, tsy tamána. Il se déplaît en compagnie. *Tsy te*-hiaraka amin' olona izy. Il se déplaît dans ce lieu. *Tsy tamána* aty izy.

DÉPLAISANT, ANTE, *adj.* Tsy tiana, mahasosotra, mampalahelo.

DÉPLAISIR, *sm.* Fahasosorana, alahelo. Il m'a fait un sensible—. *Nahasosotra, nampalahelo* ahy loatra izy.

DÉPLANTER, *va.* Manongotra, miavotra.

DÉPLIER, *va.* Mamelatra. —du linge. *Mamelatra* lamba. Il déplia toute sa marchandise. *Novelariny* avokoa ny entany rehetra.

Se déplier, *vpr.* Mivelatra.

DÉPLISSER, *va.* Manala ketrona, manatsotsótra. — une jupe. *Manala ketrona,* etc., zipo tapaka.

Se déplisser, *vpr.* Afa-ketrona, mitsotsótra.

DÉPLOIEMENT ou **DÉPLOÎMENT,** *sm.* 1° Famelarana, fivelarana, fandaharana, filaharana. 2° *fig.* Fampisehoana, fisehoana.

DÉPLORABLE, *adj.* Mampalahelo, mampahory, malionena, mampangoraka. Sa situation est —. *Mampalahelo,* etc., ny toetrany.

DÉPLORABLEMENT, *adv.* Ratsy dia ratsy.

DÉPLORER, *va.* Malahelo, oriory, onena, mangoraka. Je déplore votre misère. *Mampalahelo, mampahorio-ry, mampangoraka* ahy ny mijery ny fahorianao.

DÉPLOYÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Voavelatra, novelarina, mivelatra, nalahatra, milahatra. 2° *fig.* Naseho, miseho. ‖ *loc.* Rire à gorge déployée. Mikakakaka.

DÉPLOYER, *va.* 1° Mamelatra, mandahatra. — des étendards *Mamela*-tsaina. — les bras. *Mamela*-tsandry. —une armée. *Mandahatra* miaramila. 2° *fig.* Mampiseho. — son éloquence. *Mampiseho* ny fahaizany mandaha-teny. —un grand courage. *Mampiseho* herim-po lehibe.

Se déployer, *vpr.* 1° Mivelatra, milahatra. 2° *fig.* Miseho.

DÉPLUMER, *va.* Mamolo.

Se déplumer, *vpr.* Miongo-bolo, mihintsam-bolo, manongo-tena, mifanongo-bolo.

DÉPOLI, IE, *p.* et *adj.* Maraorao, natao maraorao. Verre —. Fitaratra *maraorao,* etc.

DÉPOLIR, *va.* Mamparaorao.

Se dépolir, *vpr.* Mihamaraorao.

DÉPOPULARISER, *va.* Mampangidy hoditra amy ny vahoaka.

Se dépopulariser, *vpr.* Mihamangidy hoditra amy ny vahoaka.

DÉPOPULATION, *sf.* Fahavitsiamponina.

DÉPORTATION, *sf.* Sesi-tany. Il a été condamné à la —. Voaheloka *hasesi-tany* izy.

DÉPORTÉ, ÉE, *adj.* et *s.* Nasesi-tany.

DÉPORTER, *va.* Manao sesi-tany. Voy. BANNIR.

DÉPOSANT, ANTE, *adj* et *s.* 1° Vavolombelona. 2° —, Mpametra-javatra amin'olona.

DÉPOSER, *va.* 1° Mametraka. — un fardeau. *Mametraka* entana. —de l'argent entre les mains d'un ami. *Mametra*-bola ao amy ny sakaiza. 2° *fig.* Manary, mamela, mandao, mahafoy, miala. Déposez votre ressentiment. *Ario, avelao, afoizo* ny lolom-ponao. —une charge. *Mamela, mandao, mahafoy* raharaha, *miala* amy ny raharaha. 3° —, Mametraka, manambara. — son autorité entre les mains de quelqu'un. *Mametraka* ny fahefany amin' olona anankiray. — ses secrets dans le sein d'un ami. *Manambara* ny ao am-pony amy ny sakaiza anankiray 4° —, Manongana. — un roi. *Manongana* mpanjaka. 5° —, Mitondra, misy zavatra mandry. L'eau a déposé du sable. *Nitondra* fasika ny rano. Ce vin a déposé beaucoup de lie. *Misy* faikany *mandry* betsaka io divay io.

—, *vn.* 1° Milaza eo anatrehan' ny mpitsara. Il a déposé en faveur de l'accusé. *Nilaza* zavatra miaro ny voampanga izy. 2°—, Vavolombelona, manambara, mampiseho. Ses larmes déposent de son repentir. Ny ranomasony no *vavolombelon'* ny fanenenany, *manambara, mampiseho* ny fanenenany.

Se déposer, *vpr.* Apetraka. L'argent se dépose à la caisse. *Apetraka* ao amy ny lalomoara vy ny vola.

DÉPOSITAIRE, *sm.* 1° Olona ametrahan-javatra. 2° *fig.* Les dépositaires de l'autorité. Ny olona nametrahana, ipetraham-pahefana. Il est le — de ses secrets. Izy no anambarány ny ao am-pony.

DÉPOSITION, *sf.* 1° Filazana ao anatrehan' ny mpitsara. 2°—, Fametrahanjavatra. 3°—, Fanonganana.

DÉPOSSÉDER, *va.* Maka. On l'a dépossédé de sa maison. *Nalaina* ny tranony.

DÉPOSTER, *va.* Mandroaka, mampiala. Nous avons déposté l'ennemi de la hauteur. *Nandroaka*, etc., ny fahavalo tamy ny havoana izahay.

DÉPÔT, *sm.* 1° Fametrahana. Faire le — d'une somme. *Mametra*-bola. 2°—, Zavatra napetraka. Le — est une chose sacrée. Tsy azo kasihina ny *zavatra napetraka.* 3°—, Trano fametrahan-javatra. Allez au — des marchandises. Mankanesa any amy ny *trano fametrahambarotra.* 4°—, Vainomby, kifongo. Comme Ancés. 5°—, Zavatra mandry, faikany.

DÉPOUILLE, *sf.* 1° Hodi-biby voaendaka, ofo. La — d'un lion. Ny *hodi*-diona *voaendaka.* —du serpent. *Ofom*-bibilava. 2°—, Faty, tseroky ny maty, babo. On emporta sa — mortelle. Nentina ny *fatiny.* Il eut la — du défunt. Izy no

nahazo ny *tseroky ny maty*. Il revint chargé de dépouilles. Niverina nitondra *babo* betsaka izy.

DÉPOUILLÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Voaendaka, nendahana, nalana akanjo. 2°—, Nahintsana, nihintsana. Un arbre — de feuilles. Hazo *nihintsan*-dravina. 3°—, Tsy manana. —de tout bien. *Tsy manana* na inona na inona.

DÉPOUILLEMENT, *sm.* 1° Fanendahana, fanendahana akanjo, fanalana—, fialana—. 2°—, Fahantrana. Il est dans un — absolu. Efa mby amy ny fara *fahantrana* izy. 3°—, Fandinihana.

DÉPOUILLER, *va.* 1° Manendaka, manendaka akanjo, manala akanjo. — un lapin. *Manendaka* bitro. On le dépouilla de ses habits. *Nendahana, nalana* akanjo izy. 2°—, Mampihintsana. L'hiver dépouille les arbres de leurs feuilles. Ny ririnina *mampihintsana* ny ravin-kazo. 3° *fig.* Manesotra, maka, mambabo. —quelqu'un de son emploi. *Manesotra* olona amy ny raharabany. —quelqu'un de ses biens. *Maka, mambabo* haren'olona. 4°—,Manary, mamela, miala. —son orgueil. *Manary* ny fiavonavonany. —le vieil homme. *Manary, mamela* ny toetra taloha, *miala* amy ny toetra taloha. 5°—, Mandinika. —le scrutin. *Mandinika* ny latsa-bato.

Se dépouiller, *vpr.* 1° Miendaka, miala akanjo, miofo. 2°—, Mihintsan-dravina. 3° *fig.* Mahafoy, mamoy, manary, mamela, miala. Se—de son héritage. *Mahafoy, mamela* ny lovany. Se — de toute haine. *Mamoy, manary* lolom-po. Se— du vieil homme. *Mamoy, manary, mamela* ny toetra taloha, *miala* amy ny toetra taloha.

DÉPOURVOIR, *va.* Manesotra. — une place de munitions. *Manesotra* fitaovana amy ny tanána.

Se dépourvoir, *vpr.* Mahafoy. Il s'est dépourvu de tout pour élever ses enfants. *Nahafoy* ny zavatra rehetra mba hampianarana ny zanany izy.

DÉPOURVU, UE, *p.* et *adj.* Tsy manana. —d'esprit. *Tsy manan*-tsaina.

Au dépourvu, *loc. adv.* Tampoka. Prendre quelqu'un au —. *Manampoka* olona.

DÉPRAVATEUR, TRICE, *adj.* Manimba.

DÉPRAVATION, *sf.* Faharatsiana, fahasimbana, haratsiam-panahy, fitondran-tena ratsy. La— du sang. Ny *faharatsiana, fahasimban'* ny ra.

DÉPRAVÉ, ÉE, *p.* et *adj.* Simba, nosimbana, niharatsy, ratsy, ratsy fanahy, ratsy fitondran-tena. C'est un homme de mœurs dépravées. Olona *ratsy fanahy, ratsy fitondran-tena* izy.

DÉPRAVER, *va.* Manimba. Cela déprave l'estomac. *Manimba* ny ambavafó izany. Les mauvaises lectures dépravent le cœur. Ny famakiana boky ratsy *manimba* ny fo.

Se dépraver, *vpr.* Miharatsy, mihasimba.

DÉPRÉCATION, *sf.* Fifonana.

DÉPRÉCIATEUR, TRICE, *adj.* et *s.* Manivaiva, manazimbazimba, manevateva.

DÉPRÉCIATION, *sf.* Fanivaivana, fanazimbana, fanevatevana, fihenám-bidy.

DÉPRÉCIER, *va.* Manivaiva, manazimbazimba, manevateva. —une marchandise. *Manivaiva,* etc., varotra.

Se déprécier, *vpr.* 1° Mihem-bidy. 2°—, Manetry tena, mifanivaiva, mifanazimba, mifanevateva.

DÉPRÉDATEUR, TRICE, *s.* Mpandroba, mpanosy, jirika, mpangalatra, olona homam-bahoaka.

DÉPRÉDATION, *sf.* Fandrobana, fanosena, fangalarana, fihinanam-bahoaka. Commettre des déprédations. *Mandroba, manosy* olona. La—des finances. Ny *fangalarana* ny volam-panjakana. La — du bien d'un pupille. Ny *fihinanana* ny haren' ny kamboty.

DÉPRESSION, *sf.* Lempona, fietry, fipepo, fitambotsitra. Il y a là des dépressions de terrain. Misy *lempona,* misy *mietry* amin'io tany io. La—du mercure dans le baromètre. Ny *fitambotsitry* ny volavelona amy ny barométra.

DÉPRIMER, *va.* 1° Manetry, mampipepo. Le coup a déprimé les os du crâne. Ny fandonana *nampipepo* ny karandoha. 2° *fig.* Manivaiva, manazimbazimba, manevateva. —quelqu'un. *Manivaiva,* etc., olona.

Se déprimer, *vpr.* 1° Mietry, mipepo. Les os du crâne se sont déprimés. *Nipepo* ny taolan-doha. 2° *fig.* Manetry tena, mifanivaiva, mifanazimbazimba, mifanevateva.

DÉPRISER, *va.* Manivaiva, manazimbazimba, manevateva.

Se dépriser, *vpr.* Manetry tena.

DEPUIS, *prép.* Hatra, hatramy. Je vous attends — hier. *Hatry* ny omaly aho no miandry anao. Il travaille — le matin

jusqu'au soir. Miasa *hatramy* ny maraina ka hatramy ny hariva izy. Je ne l'ai point vu — longtemps. Tsy nahita azy *hatry* ny ela, izay ela izay aho. ‖ *loc.* — peu de temps. Vao haingana. — quelque temps. Elaela. Je ne l'ai pas vu — quelque temps. *Elaela* hiany no tsy nahitako azy. — quelle époque, — quand? Hoatrinona, hafiriana? — quand est-il parti? *Hoatrinona, hafiriana* izay no nialany? — lors Hatramin' izany, hatramin' izay.

Depuis, *adv.* Hatramin' izany, hatramin' izay, taorian' izany. Je lui ai écrit —. *Hatramin' izany*, etc., no nampitondrako taratasy taminy.

Depuis que, *loc. conj.* Hatramy. — que vous êtes parti, je pense à vous tous les jours. *Hatramy* ny nialanao taty tsy tapaka mioritreritra anao isan' andro aho.

DÉPURATIF, IVE, *adj.* Mahadio ra. Remède —. Fanafody *mahadio ra.*

—, *sm.* Fanafody mahadio ra.

DÉPURATION, *sf.* Fanadiovana.

DÉPURATOIRE, *adj.* Mahadio.

DÉPURER, *va.* Manadio. — un métal, une liqueur. *Manadio* metaly, lalikera.

Se dépurer, *vpr.* Mihamadio.

DÉPUTATION, *sf.* 1° Fanirahana. 2° —, Iraka maro. 3° —, Raharahan' ny solombavam-bahoaka.

DÉPUTÉ, *sm.* Iraka, solombavam-bahoaka.

DÉPUTER, *va.* Maniraka. La reine nous a députés auprès de vous. Ny andriamanjaka *naniraka* anay ho aty aminao.

DÉRACINEMENT, *sm.* Fanongotana.

DÉRACINER, *va.* 1° Manongotra, manala. — un arbre. *Manongotra* hazo. — un cor. *Manala* kitron-tongotra. 2° *fig.* Manesotra. — une erreur. *Manesotra* hevi-diso. — un vice. *Manesotra* fahazaran-dratsy.

DÉRADER, *vn.* Teren' ny rivotra hiala amy ny fitodian-tsambo.

DÉRAIDIR, *va.* Manalefaka. — du linge. *Manalefaka* lamba.

Se déraidir, *vpr.* Mihamalefaka.

DÉRAILLEMENT, *sm.* Fitsoahan'ny kalesy amy ny lalam-bý.

DÉRAILLER, *vn.* Mitsoaka amy ny lalam-bý.

DÉRAISON, *sf.* Tsy fananan-tsaina, hadalana.

DÉRAISONNABLE, *adj.* 1° Tsy manan-tsaina, fotsy hevitra. C'est un homme —. Olona *tsy manan-tsaina*, etc., izy. 2° —, Tsy misy heviny, tsy misy antony. C'est une chose —. Zavatra *tsy misy heviny*, etc., izany.

DÉRAISONNABLEMENT, *adv.* Tsy misy heviny, tsy misy antony. Parler —. Milaza zavatra *tsy misy heviny*, etc.

DÉRAISONNER, *vn.* MiredIredy foana, mandefa teny tsy voahevitra, milaza zavatra tsy misy heviny.

DÉRANGÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Nafindra toerana, nakorontana, mikorontana, nampifangaroina, mifangaro, nampifanjevoina, mifanjevo. 2° *fig.* Simba, nosimbana, marary, voasakana, nosakanana, voasampontsampona, nosamponana, sahirana, nosahiranina, voahelingelina, nohelingelenina.

DÉRANGEMENT, *sm.* 1° Famindran-toerana, fifindran-toerana, fanakorontanana, fikorontanana, fampifangaroana, fifangaroana, fampifanjevoana, fifanjevoana. 2° —, Fampihetsehana, fihetsehana. 3° *fig.* Fanimbana, fahasimbana, fisakanana, sakana, sampona, fanahiranana, fahasahiranana, fanelingelenana.

DÉRANGER, *va.* 1° Mamindra toerana, manakorontana, mampifangaro, mampifanjevo. — des livres. *Mamindra toerana*, etc., ny boky. Vous avez dérangé toute ma chambre. *Namindra toerana*, etc., ny zavatra rehetra tao amy ny efitranoko hianao. 2° —, Mampihetsika. Il dérangea tout le monde pour aller à sa place. *Nampihetsika* ny olona rehetra izy mba hahatongavany amy ny fitoerany. 3° *fig.* Manimba, mankarary, misakana, manampontsampona, manahirana, manelingelina. — une machine. *Manimba* milina. Les mauvaises compagnies ont dérangé ce jeune homme. Ny namandratsy *nanimba* io tovolahy io. Cela m'a dérangé l'estomac. *Nankarary* ny ambavafóko izany. Il a dérangé mes projets. *Nisakana, nanampona* ny nokasaiko hatao izy. Cet enfant me dérange dans mon travail. *Manahirana, manelingelina* ahy amy ny raharahako ity zaza kely ity.

Se déranger, *vpr.* 1° Mifindra toerana, mikorontana, mifangaro, mifanjevo. 2° —, Mihetsika. Ne vous dérangez pas. Aza *mihetsika*. 3° *fig.* Simba, marary. Mes affaires se sont dérangées. *Simba* ny raharahako.

DÉRATÉ, ÉE, *adj.* et *s.* 1° Afaka ary. 2° *fig.* Courir comme un—. Mihazakazaka haingana dia haingana.

DERECHEF, *adv.* Indray.

DÉRÉGLÉ, ÉE, *p.* et *adj.* Simba, nosimbana, niova fandeha, tsy milamina, ratsy, ratsy fitondran-tena. Il a le pouls —. *Tsy milamina* ny polsany. Il suit ses désirs déréglés. Manaraka ny fanirian-*dratsiny* izy. Il mène une vie déréglée, c'est un homme —. Manao *fitondran-tena ratsy* izy.

DÉRÈGLEMENT, *sm.* Fahasimbana, fiovam-pandeha, tsy filaminana, fitondran-tena ratsy. Il est plongé dans le—. Milentika anatin' ny *fitondran-tena ratsy* izy.

DÉRÉGLER, *va.* Manimba, mampiova fandeha, maharatsy. Le froid dérègle les pendules. Ny hatsiaka *manimba, mampiova fandeha* ny famantaranandro. Qu'est-ce qui a déréglé ce jeune homme? Inona no *nanimba, naharatsy* izany tovolahy izany?

Se dérégler, *vpr.* Mihasimba, miova fandeha, tsy milamina, miharatsy.

DÉRIDER, *va.* 1° Tsy mampiketrona. Déridez votre front. *Aza aketrona* ny handrinao. 2° *fig.* Mampahamiramirana. Cette plaisanterie l'a déridé. *Nampahamiramirana* azy izany kivazivazy izany.

Se dérider, *vpr.* 1° Tsy miketrona. 2° *fig.* Mihamiramirana.

DÉRISION, *sf.* Fihomehezana, vosodratsy, kivazivazy ratsy. Il tourne tout en—. *Ihomehezany,* ataony *vosobosodratsy, kivazivazy ratsy* ny zava-drehetra.

DÉRISOIRE, *adj.* Misy voso-dratsy, misy kivazivazy ratsy. Langage—. Teny *misy voso-dratsy,* etc.

DÉRIVATION, *sf.* 1° Familiana. Canal de—. Lakan-drano *familian*-drano. 2° *fig.* Fihaviana. La — de ces mots est incertaine. Tsy fantatra mazava ny *nihavian'* ireo teny ireo.

DÉRIVE, *sf.* Fiviliana. Le navire va à la—. *Mivily* ny sambo.

DÉRIVÉ, *sm.* Teny avy amy ny fototeny.

DÉRIVER, *vn.* 1° Mivily. Les courants firent — le navire. *Nampivily* ny sambo ny rano mitety namana. Des rigoles font — les eaux du fleuve dans les rizières. Misy tatatra *mampivily* ny rano an' ony ho eny an-tanimbary. 2° *fig.* Avy. Ce mot dérive du latin. *Avy* amy ny teny latina io teny io. C'est de là que dérivent tous nos malheurs. Izany no *nihavian'* ny fahoriantsika rehetra.

—, *va.* Mamily. On a dérivé les eaux de la rivière. *Navily* ny rano eny an-dronirano.

DERME, *sm.* Hoditra.

DERNIER, IÈRE, *adj.* 1° Farany, fara. Il est le — de la bande. *Farany* amy ny laharana izy. Voici son — mot. Inty ny *fara* teniny. Je l'assistai à ses derniers moments. Namonjy azy aho tamy ny *fara* andro niainany. Je vous écris pour la dernière fois. Ity no *farany* ampitondrako taratasy aminao. En — lieu. Amy ny *farany.* 2°—, Lasa teo, itsy. Il est parti la semaine dernière. Lasa tamy ny herinandro *lasa teo* izy. L'année dernière. Tamy ny taona *lasa teo,* taon'*itsy.* 3° —, Indrindra. Ce que je dis est de la dernière évidence. Izao lazaiko izao miharihary *indrindra.* ‖ *loc.* Le — des hommes. Olom-poana, olon-tsy vanona.

—, *s.* Farany. Il parla le—. Izy no *farany* niteny.

DERNIÈREMENT, *adv.* Vao haingana, vao teo, tatohoato. Il est parti—. Lasa *vao haingana,* etc., izy.

DÉROBÉ, ÉE, *adj.* 1° Nofetsena. Fruits dérobés. Voankazo *nofetsena.* 2° *fig.* Miafina. Porte dérobée. Varavarana *miafina.*

À la dérobée, *loc. adv.* Manginginа, an-tsokosoko. Il s'en est allé à la—. Niala *mangingina,* etc., izy. S'avancer à la—. *Misokosoko.* ‖ *loc.* Regarder à la —. Manarangarana, mangala-pijery.

DÉROBER, *va.* 1° Mifetsy. —une montre. *Mifetsy* famantaranandro. 2° *fig.* Mangalatra, mangaroka, maka. Il lui a dérobé sa gloire. *Nangalariny* ny voninahiny. Il lui a dérobé son secret. *Voaharony* ny tsiambaratelony. Il a dérobé des chapitres entiers. Toko maromaro manontolo no *nalainy.* 3°—, Manafaka. —quelqu'un à la mort. *Manafaka* olona mba tsy ho faty. 4°—, Manakona, misakana, manafina. Un nuage déroba Moïse aux yeux du peuple. Nisy rahona *nanakona* any Moizy ka tsy hitan' ny vahoaka izy, *nisakana* ny vahoaka tsy hahita any Moizy. Ce général sut —sa marche à l'ennemi. Io jeneraly io nahay *nanafina* ny fihetsehan' ny miaramilany tsy ho hitan' ny fahavalo.

Se dérober, *vpr.* 1° Miala, mitsoaka, mandositra. Se—à la multitude. *Miala, mitsoaka* ao anatin' ny vahoaka. Se— aux hommages du public. *Mandositra* ny voninahitra omen' ny olona. 2°—, Tsy hita. La côte se dérobe à nos regards. *Tsy hitan'* ny masontsika ny tanety. 3°—, Mihaketraka. Ses genoux se dérobent sous lui. *Mihaketraka* ny lohaliny.

DÉROGATION, *sf.* Fanovana, fiovana, tsy fanarahana.

DÉROGATOIRE, *adj.* Manova.

DÉROGER, *vn.* 1° Manova, tsy manaraka. — à une loi. *Manova*, etc., lalána anankiray. Il a dérogé à l'usage établi. *Nanova*, etc., ny fanao izy. 2° —, Manao zavatra tsy mendrika. Vous dérogez à votre caractère. *Manao zavatra tsy mendrika* ny toetrao hianao.

DÉROUILLER, *va.* 1° Manala harafesina, mamotsy. — un pistolet. *Manala harafesina*, etc., basy poleta. 2° *fig.* Mampahendry, mahakinga.

Se dérouiller, *vpr.* 1° Afaka harafesina, mihafotsy. 2° *fig.* Mihahendry, mihakinga.

DÉROULEMENT, *sm.* Famelarana.

DÉROULER, *va.* 1° Mamelatra. — une natte. *Mamela* tsihy. 2° *fig.* Mampiseho. Il déroulait à nos yeux le tableau de ces événements. *Nasehony* taminay ireo zavatra niseho ireo.

Se dérouler, *vpr.* 1° Mivelatra. 2° *fig.* Miseho.

DÉROUTE, *sf.* 1° Fandosirana, fipariahana, fiparitahana. Nous avons mis les ennemis en —. *Nampandositra, nampipariaka, nampiparitaka* ny fahavalo izahay. 2° *fig.* Tsy fahavanonana. Ses affaires sont en —. *Tsy vanona* ny raharahany.

DÉROUTER, *va.* Mahasanganehana, mahavery hevitra. Cet accident l'a dérouté. *Nahasanganehana*, etc., azy izany nanjó azy izany.

Se dérouter, *vpr.* Sanganehana, very hevitra.

DERRIÈRE, *sm.* Vody, ivoho. Le — du bœuf. *Vodin'* ny omby, *vodihena*. Le — d'une maison. Ny *ivohon'* ny trano. Les derrières d'une armée Ny *vody* tafika. ‖ *loc.* Le — de la tête. Ny mokon-doha.

—, *prép.* Ivoho, aoriana. Il est caché — la maison. Miery ao *ivohon'* ny trano izy. On lui attacha les mains — le dos. Natao tánan' *ivoho* izy. Il a plusieurs laquais — sa voiture. Misy mpanompo maro *aorian'* ny kalesiny.

—, *adv.* 1° Ivoho, aoriana. Il m'a frappé par —. Namely ahy tao *ivoho* izy. Venir —. *Miaoriana.* ‖ *loc.* Regarder —. Miherika. 2° *fig.* Il a toujours quelque porte de —. Manao fialan' olon-kendry mandrakariva izy. Il l'a laissé bien loin —. Nihoatra azy lavitra izy.

DES (pour *de les*), *art.* 1° Voy. De. 2° —, Sasany. Il y a — savants qui disent... Misy mpahay *sasany* milaza hoe.

DÈS, *prép.* Hatra, hiany. Il montra de l'intelligence — son enfance. Nampiseho hafainganan-tsaina *hatry* ny fony kely izy. Il est parti — le matin. Lasa aninaraina *hiany* izy. Vous partirez—demain. Hiainga rahampitso *hiany* hianao. — ce moment. *Hatramin'* izao.

Dès que, *loc. conj.* Raha vao, rahefa, nony vao. — que j'arriverai, je vous le ferai savoir. *Raha vao, rahefa* tonga aho, hampandrenesiko hianao. — qu'il fut arrivé, il me fit appeler. *Nony vao* tonga izy, dia nampaka ahy.

Dès lors, *loc. adv.* Hatramin' izay, amin' izany. Je vis — lors où il voulait en venir. Efa hitako *hatramin' izay* ny nokasainy hatao. C'est votre père, et — lors vous lui devez le respect. Rainao izy, ary *amin' izany* dia tokony hohajainao.

DÉSABUSÉ, ÉE, *adj.* Tsy diso hevitra intsony.

DÉSABUSER, *va.* Mampiseho hadisoan-kevitra. Vous êtes dans l'erreur, je dois vous—. Diso hevitra hianao, ka tsy maintsy *hasehoko* anao ny *hadisoan-kevitrao.*

Se désabuser, *vpr.* Tsy diso hevitra intsony.

DÉSACCORD, *sm.* 1° Tsy fifanarahana. Leurs voix sont en—. *Tsy mifanaraka* ny feon' izy ireo. 2° *fig.* Tsy fifanarahana. Ils sont en—. *Tsy mifanaraka* izy ireo.

DÉSACCORDER, *va.* 1° Mamono. Il a désaccordé le violon. *Namono* ny lokangam-bazaha izy. 2° *fig.* Mampisaraka.

Se désaccorder, *vpr.* 1° Maty. L'harmonium s'est désaccordé. *Maty* ny armonia. 2° *fig.* Tsy mifanaraka.

DÉSACCOUPLER, *va.* Comme Déparier.

DÉSACCOUTUMER, *va.* Mampiala amy ny mahazatra. On aura de la peine

à le — du vin. Ilo sardtra ny *hampiala* azy amy ny fisotroan-divay.

Se désaccoutumer, *vpr.* Miala amy ny mahazatra, mamoy ny zavatra mahazatra.

DÉSACHALANDER, *va.* Mampiala ny mpividy.

DÉSAFFECTION, *sf.* Tsy fitiavana.

DÉSAGRÉABLE, *adj.* Tsy tiana, mahadikidiky, mahasosotra, mampalahelo. Cela est — à voir. *Tsy* mahate-hijery izany, *mahadikidiky* ny mijery izany. Ce discours lui a été—. *Nahasosotra, nampalahelo* azy izany resaka izany.

DÉSAGRÉABLEMENT, *adv.* Mahadikidiky, mahasosotra.

DÉSAGRÉGATION, *sf.* Fampisarahana, fisarahana.

DÉSAGRÉGER, *va.* Mampisaraka.

Se désagréger, *vpr.* Misaraka.

DÉSAGRÉMENT, *sm.* Zavatra mahadikidiky, —mahasosotra. C'est un grand — que d'avoir des procès. *Zavatra mahadikidiky,* etc., ny manana ady.

DÉSAJUSTER, *va.* Mandrava, manimba. Vous avez désajusté ma longue-vue. *Noravanao, nosimbanao* ny masolavitro.

Se désajuster, *vpr.* Rava, mihasimba. Sa coiffure s'est désajustée. *Rava, simba* ny taovolony.

DÉSALTÉRANT, ANTE, *adj.* Mahafaka hetaheta. Breuvage—. Fisotro *mahafaka hetaheta.*

DÉSALTÉRER, *va.* Manala hetaheta.

Se désaltérer, *vpr.* Miala hetaheta.

DÉSAPPOINTÉ, ÉE, *adj.* Diso fanantenana, gaina.

DÉSAPPOINTEMENT, *sm.* Hadisoam-panantenana.

DÉSAPPOINTER, *va.* Mamitaka.

DÉSAPPRENDRE, *va.* Manadino ny zavatra nianarana. Cet enfant désapprend tous les jours. *Manadino* isan'andro *ny zavatra nianarany* io zaza kely io.

DÉSAPPROBATEUR, TRICE, *s.* et *adj.* Mpaniny.

DÉSAPPROBATION, *sf.* Faniniana.

DÉSAPPROUVER, *va.* Maniny. Tout le monde désapprouve sa conduite. *Tsinin'* ny olona rehetra ny fitondran-tenany.

DÉSARÇONNER, *va.* 1° Mamotraka, mandavo, manjera. 2° *fig.* Mahasangadonana. Voy. DÉMONTER.

DÉSARGENTER, *va.* Manala ankosobolafotsy.

Se désargenter, *vpr.* Miala ankoso-bolafotsy. Cette cuillère se désargente. *Miala* ny *ankoso-bolafotsy* amin' ity sotro ity.

DÉSARMÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Nalampiadiana, tsy manam-piadiana, nalana fomban-tsambo. 2° *fig.* Nitony, nionona.

DÉSARMEMENT, *sm.* 1° Fanalampiadiana, fanalana fomban-tsambo. 2° —, Fametraham-piadiana.

DÉSARMER, *va.* 1° Manala fiadiana, manala fomban-tsambo. — les prisonniers. *Manala fiadiana* ny sambobelona. — un navire. *Manala fombantsambo* amy ny sambo iray. 2° *fig.* Mampitony, mampionona, mampitsahatra. Ses pleurs me désarmèrent. *Nampitony, nampionona* ahy ny ranomasony. — la critique. *Mampitsahatra* ny faniniana ataon' ny olona.

—; *vn.* Mametra-piadiana. Les deux puissances ont désarmé. Samy *nametrapiadiana* ny fanjakana roa tonta.

Se désarmer, *vpr.* Mametra-piadiana.

DÉSARROI, *sm.* Fikorontanana, tsy fahavanonana. Ses affaires sont en —. *Mikorontana, tsy vanona* ny raharahany.

DÉSARTICULATION, *sf.* Fanatsoahan-taolana.

DÉSARTICULER, *va.* Manatsoaka taolana.

Se désarticuler, *vpr.* Mitsoaka.

DÉSASSEMBLER, *va.* Manaratsaraka, mandravarava. — une armoire. *Manaratsaraka,* etc., lalomoara.

Se désassembler, *vpr.* Misaratsaraka; ravarava.

DÉSASTRE, *sm.* Loza, antambo, voina, loza aman' antambo.

DÉSASTREUX, EUSE, *adj.* Mampahita loza, mampidi-doza, mamohehatra. La bataille a été désastreuse. *Nampahita loza,* etc., ny ady.

DÉSAVANTAGE, *sm.* Faharesena, fatiantoka, zavatra tsy mahasoa, zavatra maharatsy. Avoir du — au jeu, dans une bataille. *Resy* amy ny loka, amy ny ady. L'affaire a tourné à leur —. Tonga *nahafaty antoka* azy ny raharaha. Ce traité est à notre —. *Tsy mahasoa* antsika izany fanekem-pihavanana izany. Nous avions le — de la position. *Ratsy* toerana isika.

DÉSAVANTAGÉ, ÉE, *p.* Nomena latsaka. Le dernier garçon a été — par son père. Ny faralahy *nomen'* ny rainy *latsaka.*

DÉSAVANTAGER, *va.* Manome latsaka.

DÉSAVANTAGEUSEMENT, *adv.* Tsy mahasoa, ratsy.

DÉSAVANTANGEUX, EUSE, *adj.* Maharesy, mahafaty antoka, tsy mahasoa, ratsy.

DÉSAVEU, *sm.* 1° Fandávana. 2° *fig.* Faniniana.

DÉSAVEUGLER, *va.* Comme Désabuser.

DÉSAVOUER, *va.* 1° Mandá, mandá ho tsy nanao, mandá ho tsy nampanao. Il l'a désavoué pour son enfant. *Nolaviny* tsy ho zanany izy. Il a désavoué ce discours. *Nandá ho tsy nanao* izany laha-teny izany izy. Le gouvernement désavoua l'ambassadeur. Ny fanjakana *nandá ho tsy nampanao* izany ny ambasadaoro. 2°—, Miaiky ho diso. Il désavoua les opinions qu'il avait professées jusqu'alors. *Nekeny ho diso* ny hevitra nampianariny teo aloha. 3° *fig.* Maniny. L'Évangile désavoue de tels principes. Ny Evanjely *maniny* ny hevitra toy ireny.

DESCELLER, *va.* 1° Manesotra kasé. 2° —, Manatsoaka. Il faut—ces gonds. Tokony *hotsoahana* ireo lahin-tsavily ireo.

DESCENDANCE, *sf.* Taranaka.

DESCENDANT, ANTE, *adj.* Midina, mihena, mitambotsitra, mihemotra, misintona. Nous sommes à la marée descendante. *Midina,* etc., izao ny ranomasina. ‖ *loc.* La ligne descendante. Ny taranaka.

—, *s.* Taranaka. C'est un — des rois. *Taranaky* ny mpanjaka izy.

—, *sm. pl.* Ny taranaka any aoriana any.

DESCENDRE, *vn.* 1° Midina. Descendez de l'arbre. *Midina* eny ambonin' ny hazo eny. 2°—, Mibosesika, miditra, miakatra. Les barbares descendirent en Italie. Ny barbariana *nibosesika, niditra* tany Italia. —chez un ami. *Miditra* ao antranon' ny sakaiza. — à terre. *Miakatra* an-tanety. 3° —, Avy. Nous descendons de Noé. *Avy* aminy Noe isika. La vraie sagesse descend du ciel. *Avy* amin' Andriamanitra ny fahendrena marina. 4° —, Mikorotsaka, mitsontsorika, mivalana. Sa barbe descend jusqu'à sa ceinture. Ny volom-bavany *mikorotsaka* hatramy ny fehikibony. Ce sentier descend vers le village. *Mikorotsaka, mitsontsorika* mankao an-tanána io lálana io. La rivière descend. *Mivalana* ny renirano. 5° —, Midina, mihena, mitambotsitra, mihemotra, mifintina, misintona. Le baromètre descend. *Midina, mihena, mitambotsitra, mihemotra, mifintina* ny barométra. La marée descend. *Midina, mihena, mitambotsitra, mihemotra, misintona* ny ranomasina. 6° *fig.* Maniva tena, manetry tena, mietry. Il ne voulut pas — à se justifier. Tsy nety *naniva tena, nanetry tena* mba hiala tsiny izy. Dieu l'a fait — de ce comble de gloire. *Naetrin'* Andriamanitra tamin' izany voninahitra lehibe izany izy. ‖ *loc.* — du trône. Miala tsy ho mpánjaka. Il vaut mieux monter que —. Aleo joko mihasolanga, toy izay solanga mihajoko. — en soi-même. Mandinika ny ao am-pony. — dans les détails. Mandinidinika, mikarakara. — au tombeau. Maty.

—, *va.* 1° Mampidina.— un tableau. *Mampidina* sary. 2°—, Midina, mivalana.— l'escalier. *Midina* ny tohatra.— la rivière. *Mivalana* ny renirano.

DESCENTE, *sf.* 1° Fidinana. La — du Saint-Esprit sur les Apôtres. Ny *nidinan'* ny Fanahi-Masina tamy ny Apostoly. Il lui donna la main à la — de l'escalier. Nitantána azy *nidina* ny tohatra izy. Nous allons trouver une — à quelque distance. Hisy *fidinana* raha afaka kelikely. 2°—, Fampidinana. La —de la cloche fut difficile. Sarotra ny *nampidinana* ny lakolosy. Il a acheté une — de croix. Nividy ny sarin' ny *nampidinana* ny fatiny Jeso-Kristy avy eny ambonin' ny hazo-fijaliana izy. 3°—, Fibosesehana, fidirana. La— des barbares en Italie fut terrible. Nahatsiravina ny *nibosesehana,* ny *nidiran'* ny barbariana tany Italia. La justice a fait une —chez lui. *Niditra* tao an-tranony ny mpitsara. 4°—, Fikorotsaka, fivalana. 5°—, Fipotsahan' ny tsinay amy ny kibo malemy.

DESCRIPTION, *sf.* 1° Filazan-toetra, fitantarana. 2°—, Fitsipihana, fanoritana. Voy. Décrire.

DÉSEMBALLER, *va.* Comme Déballer.

DÉSEMBARQUER, *va.* Comme Débarquer.

DÉSEMBOURBER, *va.* Mitarika hiala amy ny fotaka. Voy. Débourber.

Se désembourber, *vpr.* Miala amy ny fotaka.
DÉSEMPARER, *vn.* Miala. ‖ *loc.* Sans —. Tsy an-kijanona.
—, *va.* Manapaka salazan-tsambo. Le cyclone désempara le navire. Ny tafiodrivotra *nanapaka* ny *salazan-tsambo.*
DÉSEMPESER, *va.* Manala tavolondamba.
Se désempeser, *vpr.* Afa-tavolo.
DÉSEMPLIR, *va.* Anesorana. Il faut —cette malle, elle est trop pleine. Tokony *hanesorana* io vata io, fa feno loatra.
—, *vn.* Nahafahana. Ma maison ne désemplit pas de monde. Tsy *nahafahana* ny olona tao an-tranoko.
Se désemplir, *vpr.* Nahafahana. Ma bourse se désemplit. *Nahafahana* ny volako.
DÉSENCHANTEMENT, *sm.* 1° Fanalana ny ody fandraikiraikena. 2° *fig.* Fampisehoana hadisoan-kevitra, fahafantarana—.
DÉSENCHANTER, *va.* 1° Manala ny ody fandraikiraikena. 2° *fig.* Mampiseho hadisoan-kevitra.
Se désenchanter, *vpr.* Tsy diso hevitra intsony.
DÉSENCLOUER, *va.* Manala fantsika. Il est difficile de — un canon. Sarotra ny *manala fantsika* amy ny tadinintafondro.
DÉSENFILER, *va.* Manatsoaka.
Se désenfiler, *vpr.* Mitsoaka. L'aiguille s'est désenfilée. *Nitsoaka* ny kofehy tamy ny fanjaitra.
DÉSENFLER, *va.* Mampihena ny mivonto, — ny mibontsina. — un ballon. *Mampihena ny fibontsin'* ny balóna.
—, *vn.* Mihena. Le bras désenfle. *Mihena* ny mivonto amy ny sandry.
Se désenfler, *vpr.* Mihena.
DÉSENFLURE, *sf.* Fihenán' ny mivonto, fihenán' ny mibontsina.
DÉSENIVRER, *va.* Manala hamamoana.
Se désenivrer, *vpr.* Afaka hamamoana.
DÉSENNUYER, *va.* Manala sosotra, manary dia.
Se désennuyer, *vpr.* Afa-tsosotra, manary dia. Jouons pour nous—. Ndeha hilalao isika mba *hanary dia.*
DÉSENRAYER, *va.* Manala izay mampijanona na mampiadana ny kodiarana.
DÉSENRHUMER, *va.* Mampitsahatra kohaka.
Se désenrhumer, *vpr.* Sitrana amy ny kohaka, afa-kohaka.
DÉSENROUER, *va.* Mahafaka farimpeo.
Se désenrouer, *vpr.* Afaka farim-peo.
DÉSENSORCELER, *va.* Manao ody mosavy, manafana.
DÉSENSORCELLEMENT, *sm.* Fanaovana ody mosavy, fanafánana.
DÉSENTÊTER, *va.* Mamolaka ditra.
DÉSENTORTILLER, *va.* Manaha zavatra mifadiditra, manala olana.
Se désentortiller, *vpr.* Mivaha, afaka olana.
DÉSENTRAVER, *va.* Mamaha tongotra.
DÉSERT, ERTE, *adj.* Foana, lava volo. C'est un pays—. Tany *foana,* etc., izany. Ile déserte. Nosy *foana.*
—, *sm.* Efitra, tany foana, tany lava volo.
DÉSERTER, *va.* 1° Miala, mandao, mahafoy. Il a déserté son pays. *Nialany, nilaozany, nafoiny* ny tanin-drazany. 2°—, Mandositra, milefa. Ce soldat a déserté le drapeau. *Nandositra* io miaramila io. Cet esclave a déserté la maison de son maître. *Nilefa* tao amy ny tranon' ny tompony io andevo io. 3° *fig.* Mivadika. Il a déserté la bonne cause. *Nivadika* tamy ny andaniny tsara izy.
—, *vn.* 1° Miala, mandao, mahafoy. Cette mauvaise odeur fit — tout le monde. *Nampiala* ny olona rehetra izany fofondratsy izany. 2°—, Mandositra, milefa. Il a déserté à l'ennemi. *Nandositra* nankany amy ny fahavalo izy. 3° *fig.* Mivadika.
DÉSERTEUR, *sm.* 1° Miaramila mandositra. 2° *fig.* Mpivadika. — de la foi de ses pères. *Mpivadika* ny finoan' ny razany.
DÉSERTION, *sf.* 1° Fandosirana. 2° *fig.* Fivadihana.
DÉSESPÉRANT, ANTE, *adj.* Mampamoy fo, mampanary toky, mampivarilavo, mampalahelo.
DÉSESPÉRÉ, ÉE, *p. adj.* et *s.* 1° Mamoy fo, manary toky, mivarilavo, malahelo dia malahelo. Elle est désespérée de la mort de son fils. *Mamoy fo,* etc., noho ny nahafatesan' ny zanany izy. ‖ *loc.* Agir en —. Manao vý very, milofo. 2°—, Mampamoy fo, mampanary toky, mampivarilavo, ikoizana, tsy azo antenaina. Maladie désespérée. Aretina *mampamoy fo, mampanary toky,*

mampivarilavo. Malade —. Marary *tsy azo antenaina.*

DÉSESPÉRER, *va.* 1° Mampamoy fo, mampanary toky, mampivarilavo, mampalahelo. Cet enfant me désespère. *Mampamoy fo, mampanary toky, mampalahelo* ahy io zaza kely io.

—, *vn.* Mamoy fo, manary toky, mivarilavo, mikoy. Le médecin désespère de ce malade. *Mamoy fo, manary toky, mikoy* ny dokotera amin' io marary io. Ne désespérez pas de la miséricorde de Dieu. Aza *mamoy fo, manary toky* amy ny famindram-pon' Andriamanitra.

Se désespérer, *vpr.* Mamoy fo, manary toky, mivarilavo, malahelo dia malahelo.

DÉSESPOIR, *sm.* Famoizam-po, fanarian-toky, fivarilavo, alahelo mafy. Il est au comble du —. *Mamoy fo, manary toky, mivarilavo, malahelo* izaitsizy izy. || *loc.* Faire une chose en — de cause. Manao fiala-nenina amy ny zavatra ananikiray.

DÉSHABILLÉ, ÉE, *p.* Nalana akanjo, niala akanjo.

—, *sm.* Akanjo fitondra an-trano. Être en —. Manao *akanjo fitondra an-trano.*

DÉSHABILLER, *va.* Manala akanjo.

Se déshabiller, *vpr.* Miala akanjo.

DÉSHABITÉ, ÉE, *adj.* Nialana, nilaozana.

DÉSHABITUER, *va.* Mampiala amy ny mahazatra. Comme Désaccoutumer.

Se déshabituer, *vpr.* Miala amy ny mahazatra.

DÉSHÉRITER, *va.* Manary zaza. Son père l'a déshérité. *Nanary* azy ny rainy.

DÉSHONNÊTE, *adj.* Mahamenatra, vetaveta, maloto. Paroles déshonnêtes. Teny *mahamenatra,* etc.

DÉSHONNÊTEMENT, *adv.* Vetaveta, maloto.

DÉSHONNEUR, *sm.* Fanalam-baráka. fanalam-boninahitra, fahafaham-baráka. Il fait — à sa famille. *Manala baráka, manala voninahitra* ny fianakaviany izy. C'est un — pour moi. *Mahafa-baráka* ahy izany.

DÉSHONORANT, ANTE, *adj.* Mahafa-baráka. Conduite déshonorante. Fitondran-tena *mahafa-baráka.*

DÉSHONORÉ, ÉE, *p.* et *adj.* Nalam-baráka, nalam-boninahitra, afa-baráka, afa-boninahitra, afa-pofona.

DÉSHONORER, *va.* Manala baráka, manala voninahitra, mahafa-baráka. Cette action l'a déshonoré. *Nanala baráka,* etc., azy izany nataony izany.

Se déshonorer, *vpr.* Manala barátena, manala voninahi-tena, afa-baráka.

DÉSIGNATION, *sf.* Fanondroana, fanoroana, fanendrena.

DÉSIGNÉ, ÉE, *p.* Voatondro, notondroina, voatoro, natoro, voatendry, notendrena.

DÉSIGNER, *va.* Manondro, manoro, manendry. Il a bien désigné le village. *Nanondro, nanoro* tsara ny vohitra izy. Désignez l'heure du rendez-vous. *Manendré* ny fotoana. Le gouvernement l'a désigné pour commander l'armée. Ny fanjakana *nanendry* azy ho komandin' ny tafika.

Se désigner, *vpr.* Tondroina, atoro.

DÉSILLUSION, *sf.* Fahafantarana hadisoan-kevitra.

DÉSILLUSIONNER, *va.* Mampiseho hadisoan-kevitra.

Se désillusionner, *vpr.* Tsy diso hevitra intsony.

DÉSINENCE, *sf.* Fara soratra amy ny vakiteny.

DÉSINFECTANT, ANTE, *adj.* Manala fofon-dratsy.

—, *sm.* Ody maimbo, zavatra manala fofon-dratsy.

DÉSINFECTER, *va.* Manala fofon-dratsy. —une salle d'hôpital. *Manala fofon-dratsy* amy ny efi-trano fitsaboana.

DÉSINFECTION, *sf,* Fanalana fofon-dratsy.

DÉSINTÉRESSÉ, ÉE, *adj.* et *s.* 1° Tsy manana anjara, tsy miombona. 2° —, Tsy mitady izay mahasoa ny tenany samy irery, tsy manao mamy fo velona. Voy. Intéresse.

DÉSINTÉRESSEMENT, *sm.* Tsy fitadiavana izay mahasoa ny tenany samy irery, tsy fanaovana mamy fo velona.

DÉSINTÉRESSER, *va.* Manome tombony. Il a désintéressé tous ceux qui avaient part a cette affaire. *Nomeny tombony* avokoa izay rehetra niombona tamin' izany raharaha izany.

DÉSINVOLTURE, *sf.* Angolangola, fiangolangola.

DÉSIR, *sm.* Faniriana, fitsiriritana. Mes désirs sont comblés. Tanteraka ny *fanirlako.* — ardent. *Fitsiriritana.*

DÉSIRABLE, *adj.* et *s.* Tokony hirina, faniry. La sagesse est une chose—. *Tokony hirina, faniry* ny fahendrena.

DÉSIRÉ, ÉE, *p. adj.* et *s.* Nirina. Le— des nations. Ilay *nirin'* ny firenen-drehetra.

DÉSIRER, *va.* Maniry, liana, liaka, te, mitsiriritra. Il désire s'en aller. *Maniry, liana, liaka, te*-hiala izy. —ardemment. *Mitsiriritra.* Il n'a plus rien à—. Tsy *maniry* na inona na inona intsony, tapijava-*nirina* izy. || *loc.* Vous vous faites—. Maharitra ela hianao vao mamangy. Il y a quelque chose à — dans cette personne. Mbola misy hokianina kely amin' io olona io. Il ne laisse rien à —. Tsy misy hokianina intsony ao aminy.

DÉSIREUX, EUSE, *adj.* Maniry, liana, liaka, mitsiriritra. Il est — de gloire. *Maniry, mitsiriri*-boninahitra izy.

DÉSISTEMENT, *sm.* Fialana, famelana.

DÉSISTER (SE), *vpr.* Miala, mamela, mandao. Se — d'une entreprise. *Miala* amy ny raharaha, *mamela, mandao* raharaha.

DÉSOBÉIR, *vn.* Tsy manaiky, mandika. —à son père. *Tsy manaiky* an-drainy. —à la loi. *Mandika* ny lalána.

DÉSOBÉISSANCE, *sf.* Tsy fanaikena, fandikana.

DÉSOBÉISSANT, ANTE, *adj.* Tsy manaiky. Enfant—. Zaza *tsy manaiky.*

DÉSOBLIGEANCE, *sf.* Zavatra mahasosotra, —mampalahelo.

DÉSOBLIGEANT, ANTE, *adj.* Mahasosotra, mampalahelo.

DÉSOBLIGER, *va.* Mahasosotra, mampalahelo. Il m'a fort désobligé. *Nahasosotra,* etc., ahy loatra izy.

Se désobliger, *vpr.* Mifampahasosotra, mifampalahelo.

DÉSOBSTRUER, *va.* Manala tampina. —un chemin. *Manala tampin*-dálana.

DÉSOCCUPÉ, ÉE, *adj.* Tsy manandraharaha.

DÉSŒUVRÉ, ÉE, *adj.* et *s.* Midonanaka, manohon-tánana.

DÉSŒUVREMENT, *sm.* Fidonanahana.

DÉSOLANT, ANTE, *adj.* Mampalahelo, mampiferinaina, mampahory, mampidi-doza. Nouvelle désolante. Zava-baovao *mampalahelo, mampiferinaina.* Morale désolante. Fampianarana *mampidi-doza.*

DÉSOLATION, *sf.* Alahelo, fiferinaina, fahoriana, loza. Il est dans la —. *Malahelo, miferinaina* izy. La petite-vérole a causé une grande—. Nitondra *fahoriana,* nampidi-*doza* ny nendra.

DÉSOLÉ, ÉE, *p.* et *adj.* Malahelo, miferinaina, ory, nidiran-doza.

DÉSOLER, *va.* Mampalahelo, mampiferinaina, mampahory, mampidi-doza. La mort de son fils le désole. *Mampalahelo, mampiferinaina* azy ny nahafatesan' ny zanany. La guerre désolait le royaume. Ny ady *nampahory, nampidi-doza* ny fanjakana.

DÉSOPILER, *va.* —la rate. Mampihomehy.

Se désopiler, *vpr.* Se—la rate. Mihomehy.

DÉSORDONNÉ, ÉE, *adj.* 1° Tsy milamina, mifotofoto, misafotofoto, misavorovoro, misaritaka, mikorokoro, mikorontana, mifangaro, mifanjevo. Maison désordonnée. Trano *tsy milamina.* 2° —, Ratsy, ratsy fitondran-tena. Voy. Déréglé.

DÉSORDRE, *sm.* 1° Tsy filaminana, fifotofoto, fisafotofoto, fisavorovoro, fisaritaka, fikorokoro, fikorontana, fifangaro, fifanjevo. Tous mes papiers sont en—. *Mifotofoto, misafotofoto, misavorovoro, misaritaka, mikorokoro, mikorontana, mifangaro, mifanjevo* ny taratasiko rehetra. Ses cheveux sont en—. *Misafotofoto, misaritaka* ny volon-dohany. Mettre le — dans l'État. *Mampikorontana* ny fanjakana. || *loc.* Fuir en—. Mipariaka, miparitaka. 2°—, Fanimbana. Les soldats n'ont commis aucun—. Tsy *nanimba* na inona na inona ny miaramila. 3° —, Fitondran-tena ratsy. Mettez un terme à ses désordres. Mampijanóna ny *fitondran-tena ratsiny.*

DÉSORGANISATEUR, TRICE, *adj.* Manimba, mampikorontana.

DÉSORGANISATION, *sf,* Fanimbana, fahasimbana, fampikorontanana, fikorontanana.

DÉSORGANISER, *va.* Manimba, mampikorontana.

Se désorganiser, *vpr.* Mihasimba, mikorontana.

DÉSORIENTÉ, ÉE, *p.* 1° Azon' ny tamberin-tany. 2° *fig.* Sanganehana.

DÉSORIENTER, *va.* 1° Mampahazo tamberin-tany. Qu'est-ce qui vous a désorienté? Inona no *nampahazo ny*

tamberin-tany anao? 2° *fig.* Mahasanganehana, manadala. Cette question l'a désorienté. *Nahasanganehana,* etc., azy izany fanontaniana izany.

Se désorienter, *vpr.* Sanganehana.

DÉSORMAIS, *adv.* Amy ny ho avy, amy ny sisa, intsony. — vous ne sortirez plus. *Amy ny ho avy, amy ny sisa* tsy hivoaka hianao, tsy hivoaka *intsony* hianao.

DÉSOSSEMENT, *sm.* Fanalan-taolana.

DÉSOSSER, *va.* Manala taolam-biby hohandroina. —un dindon. *Manala taolam*-borontsiloza *hohandroina.* — un poisson. *Manala taolan*-kazandrano *hohandroina.*

DESPOTE, *sm.* 1° Mpanjaka mandidy tokana, —tsy zeh na, —tsy refesi-mandidy. Le — ne connait de loi que sa volonté. Ny *mpanjaka mandidy tokana,* etc., tsy mahalala lalána hafa afatsy ny sitra-pony. 2°—, Mpanao jadona, — teny tsy valiana. Cet homme est un — dans sa famille. *Mpanao jadona,* etc., amy ny fianakaviany io lehilahy io.

DESPOTIQUE, *adj.* Tsy voafetra, tsy zehena.

DESPOTISME, *sm.* 1° Fahefana tsy voafetra, — tsy zehena. 2°—, Fanaovana jadona, — teny tsy valiana.

DESSAISIR (SE), *vpr.* Mahafoy, tsy mitana.

DESSAISISSEMENT, *sm.* Fahafoizana.

DESSALAISON, *sf.* Fanalan-tsira.

DESSALER, *va.* Manala sira.

Se dessaler, *vpr.* Alan-tsira, afa-tsira.

DESSANGLER, *va.* Manala fehikibon-tsoavaly.

Se dessangler, *vpr.* Afa-pehikibo.

DESSÉCHANT, ANTE, *adj.* Manamaina, mandoza. Vent —. Rivotra *manamaina.*

DESSÉCHÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Maina, karankaina, malazo. Terre desséchée. Tany *maina, karankaina.* Feuilles presque desséchées. Ravin-kazo *malazo.* 2°—, Mahia, kaozatra.

DESSÈCHEMENT, *sm.* Fanamainana, hamainana, fandazoana.

DESSÉCHER, *va.* 1° Manamaina, mandazo. Le soleil a desséché le sol. Ny masoandro *nanamaina* ny tany. —un marais. *Manamaina* heniheny. 2°—, Mankahia. Ses travaux le dessèchent. *Mankahia* azy ny raharahany. 3° *fig.* Mampangatsiaka.

Se dessécher, *vpr.* 1° Mihamaina, mihamalazo. 2°—, Mihamahia, mihakaozatra. 3° *fig.* Mihamangatsiaka. Au milieu de ces faux plaisirs, le cœur se dessèche. *Mihamangatsiaka* ny fo ao afovoan' ireo fifaliana tsizy ireo.

DESSEIN, *sm.* Fikasana. Il connait mon —. Mahalala ny *fikasako* izy. ‖ *loc.* Sans —. Tsy iniana, tsy nahy. Je l'ai fait sans —. *Tsy niniako, tsy nahiko* no nanaovako izany. Il était parti dans le—d'aller vous voir. Lasa hamangy anao izy.

À dessein, *loc. adv.* Iniana, fanahy iniana. Comme DE PROPOS DÉLIBÉRÉ. Voy. DÉLIBÉRÉ.

DESSELLER, *va.* Manala lasely.

DESSERRE, *sf.* Fahafoizana. Être dur à la —. Tsy *mahafoy* vola, mahihitra.

DESSERRER, *va.* Manaketraka, managedragedra. — un lien. *Manaketraka,* etc., fatorana. ‖ *loc.* — les dents à un malade. Mamazana olona marary. Ne pas — les dents. Mihidy vazana, mikitroka.

Se desserrer, *vpr.* Mihaketraka, mihagedragedra.

DESSERT, *sm.* Fromazy sy voankazo hanina farany amy ny fihinanana.

DESSERVANT, *sm.* Pretra mitandrina fiangonana.

DESSERVIR, *va.* 1° Manala lovia nihinanana. 2°—, Manaratsy, mampangidy hoditra. Il m'a desservi auprès du roi. *Nanaratsy, mampangidy hoditra* ahy tamy ny mpanjaka izy. 3°—, Mitandrina fiangonana.

DESSICCATIF, IVE, *adj.* Manamaina. Remède —. Fanafody *manamaina.*

—, *sm.* Fanafody manamaina.

DESSICCATION, *sf.* Fanamainana.

DESSILLER, *va.* 1° Manokatra (maso), mamezatra (maso). 2° *fig.* — les yeux à quelqu'un. Mampiseho ny hadisoan-kevitr' olona.

Se dessiller, *vpr.* 1° Misokatra, mivezatra. 2° *fig.* Mes yeux se dessillèrent. Nahita ny hadisoan-kevitro aho.

DESSIN, *sm.* 1° Sary, soratra. —au crayon. *Sary* atao amy ny pensily. Cette étoffe est d'un joli —. Tsara *soratra* io lamba io. Étoffe à dessins. Lamba *misoratsoratra.* 2°—, Fanaovan-tsary. Il apprend le —. Mianatra *manao sary* izy.

DESSINATEUR, TRICE, *s.* Mpanao sary.

DESSINER, *va.* 1° Manao sary. Il dessine le palais. *Manao* ny *sarin'* ny lapa izy. 2° —, Mampiharihary. Ce vêtement dessine bien les formes du corps. Io akanjo io *mampiharihary* tsara ny vatana. —, *vn.* Manao sary.

Se dessiner, *vpr.* Miharihary. Son ombre se dessine sur le mur. *Miharihary* eny amy ny rindrina ny tandindony.

DESSOUDER, *va.* Manala tsingina.

Se dessouder, *vpr.* Miala tsingina.

DESSOULER, *va.* Comme Désenivrer.

DESSOUS, *adv.* et *prép.* 1° Ambany, anaty. Si ce n'est pas sur la table, c'est —. Raha tsy eo ambonin' ny latabatra izany, dia ao *ambaniny*. Vêtement de—. Akanjo fanao *anaty*.

Au-dessous, *loc. prép.* et *adv.* 1° Ambany. Le jardin est au—de l'aire. Ao *ambanin'* ny famoloana ny zarday. 2° —, Latsaka, no ho midina. Il est au—de trente ans. *Latsaka* noho ny telopolo taona izy. On enrôla tous les hommes au — de cinquante ans. Nalaina ho miaramila ny lehilahy rehetra hatramy ny dimam-polo taona *no ho midina*. 3° *fig.* Ambany, tsy mendrika. Il est au — de lui en richesse. *Ambaniny* izy raha ny harena no heverina. Il est au — de sa place. *Tsy mendrika* izany raharaha izany izy.

En dessous, *loc. adv.* 1° Ambany, anaty. Ces clous sont rivés en —. Natao vonobaibona avy any *ambany* ireo fantsika ireo. Ce vêtement se porte en —. Fanao *anaty* io akanjo io. 2° *fig.* Manafin-kevitra. Il est en —. *Manafin-kevitra* izy.

Par-dessous, *loc. prép.* et *adv.* Ambany, anaty. Par — la table. Ao *ambany* latabatra.

Là-dessous, *loc. adv.* 1° Ao ambanin' izany. Mettez ce paquet là —. Ataovy *ao ambanin' izany* io entana io. 2° *fig.* Il y a quelque piège là —. Misy fandrika izany.

DESSOUS, *sm.* 1° Ny fanambany. Le — de la table. Ny *fanambanin'* ny latabatra. 2° *fig.* Avoir le —. Resy.

DESSUS, *adv.* et *prép.* Ambony. Ce n'est pas sous le lit, mais —. Tsy ao ambanin' ny farafara izany, fa ao *amboniny*. Sens —dessous. Voy. Sens.

Au-dessus, *loc. prép.* et *adv.* 1° Ambony. Ma maison est au — de la sienne. Ny tranoko dia ao *ambonin'* ny azy. 2° —, Mihoatra, no ho miakatra. Les nombres au — de mille. Ny isa *mihoatra* ny arivo. On enrôla tous les hommes au — de dix-huit ans. Nalaina ho miaramila ny lehilahy rehetra hatramy ny valo amby ny folo taona *no ho miakatra*. 3° *fig.* Ambony, mihoatra, tsy azo, tsy resy, tsy manisy raharaha, tsy manahy. Il est au — du commun des hommes. *Ambonin'* ny ankabiazan' ny olona izy. C'est au — de mes forces. *Mihoatra* ny heriko izany. Il est au — de toute crainte. *Tsy azo, tsy resin'* ny tahotra izy. Il est au — de l'opinion. *Tsy manisy raharaha, tsy manahy* ny hevitry ny olona izy. ‖ *loc.* Il est au — de sa place. Tsy mendrika azy ny raharahany.

En dessus, *loc. adv.* Ambony. Cela est noir en —. Mainty ny *amboniny*.

Par-dessus, *loc. prép.* et *adv.* 1° Ambony, ivelany, mihoatra. Il porte un manteau par—son habit. Mitondra kapaoty *ambony, ivelan'* ny akanjony izy. Il avait deux pieds d'eau par — la tête. *Nihoatra* azy roa dia ny rano. 2° *fig.* Ambony, mihoatra. C'est là ce que je préfère par— tout. Izany no tiako *ambony, mihoatra* ny zavatra rehetra. ‖ *loc.* Donner quelque chose par — le marché. Manao fitia tsy mba heira, manome kadó. J'en ai par—la tête. Mahadikidiky ahy izany.

Là-dessus, *loc. adv.* 1° Ao ambonin' izany. Mettez ce livre là —. Apetraho *ambonin' izany* io boky io. 2° *fig.* Ny amin' izany. Pourquoi revenir toujours là— ? Ahoana no amerimberenana mandrakariva *ny amin' izany ?* 3° —, Tamin' izay. Là — il se retira. *Tamin' izay* dia lasa izy.

DESSUS, *sm.* 1° Ny fanambony, ny ambony, ny tampona. Cirez le— de la table. Savohy ny *tampon*-databatra. 2° *fig.* Avoir le—. Mahery.

DESTIN, *sm.* 1° Vintana, anjara. Les anciens croyaient que le — mène tout. Ninoan' ny ntaolo fa ny *vintana* no mitondra ny zavatra rehetra. Nous ne pouvons fuir notre—. Tsy azontsika andosirana ny *anjarantsika*. 2°—, Andro iainana. Nul ne peut prolonger son—. Tsymisy mahay manalava ny *andro iainany*.

DESTINATAIRE, *s.* Ny ampitondranjavatra.

DESTINATEUR, TRICE, *s.* Mpampitondra zavatra.

DESTINATION, *sf.* Fanendrena, fanokanana, fanirahana, fampitondrana. Quelle est votre —? Inona no *nanendrena* anao? Cette somme est sans —. Tsy misy *nanokanana* io vola io. Le gouverneur est arrivé à sa —. Tonga amy ny *nanendrena, nanirahana* azy ny governora. Le vin est arrivé à sa—. Tonga amy ny *nampitondrana* azy ny divay.

DESTINÉ, ÉE, *p.* et *adj.* Voatendry, notendrena, natokana. Nous sommes destinés à la mort. *Voatendry* ho faty isika.

DESTINÉE, *sf.* 1° Vintana, anjara. 2° —, Andro iainanana. Il est arrivé au terme de sa —. Tapitra ny *androny.*

DESTINER, *va.* Manendry, manokana, manomana. Savons-nous à quoi le ciel nous destine? Moa fantatsika va inona no *nanendren'* Andriamanitra antsika? Je destine mille piastres à la construction d'un hôpital. *Manokana* vola arivo aho mba hanaovana trano fitsaboana. Je destine mon fils au commerce. *Manomana* ny zanako ho mpivarotra aho.

Se destiner, *vpr.* Miomana. Il se destine à l'enseignement. *Miomana* ho mpampianatra izy.

DESTITUABLE, *adj.* Azo esorina amy ny raharaha.

DESTITUÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Nesorina tamy ny raharaha. 2°—, Tsy manana. — de bon sens. *Tsy manan*-tsaina, adala.

DESTITUER, *va.* Manesotra amy ny raharaha. —un employé. *Manesotra* olona *amy ny raharaha.*

DESTITUTION, *sf.* Fanesorana amy ny raharaha.

DESTRUCTEUR, TRICE, *s.* Mpandrava, mpandevona, mpamongotra, mpandringana, mpandripaka, mpanafoana, mpanimba.

—, *adj.* Mandrava, mandevona, mamongotra, mandringana, mandripaka, manafoana, manimba. La guerre est un fléau—. Ny ady no loza *mandringana, mandripaka.*

DESTRUCTIF, IVE, *adj.* Manimba. Principe—. Hevitra *manimba.*

DESTRUCTION, *sf.* Fandravana, fandevonana, famongorana, fandringanana, fandripahana, fanafoanana, fanimbana. Les Juifs se dispersèrent dans le monde après la — de Jérusalem. Niely tamin' izao tontolo izao ny Jody taorian' ny *nandravana, nandevonana, namongorana* any Jerosalema. Il est resté seul pour nous raconter la — de l'armée. Izy irery no sisa nilaza taminay ny *nahalevonana, naharinganana, naharipahana* ny tafika. Voy. DÉTRUIRE.

DÉSUÉTUDE, *sf.* Tsy fanao intsony. Cette loi est tombée en—. *Tsy fanao intsony* izany lalàna izany.

DÉSUNION, *sf.* Fisarahana.

DÉSUNIR, *va.* 1° Mampisaraka. —les planches d'une table. *Mampisaraka* ny hazo fisaka amy ny latabatra. 2° *fig.* Mampisaraka. —des amis. *Mampisaraka* mpisakaiza.

Se désunir, *vpr.* Misaraka.

DÉTACHÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Voavaha, novahana, voaendaka, nendahana, nesorina, afaka, voatsoaka, notsoahana, nalaina, notazana. 2°—, Voasaraka, nosarahina, misaraka, voavaka, navahana, miavaka. 3° *fig.* Tsy miraiki-po, niala, nisaraka.

DÉTACHEMENT, *sm.* 1° Tsy firaiketam-po. 2°—, Antoko-miaramila. On a envoyé un — contre les voleurs. Nanirahana *antoko-miaramila* anankiray ny tontakely.

DÉTACHER, *va.* 1° Mamaha, manendaka, manesotra, manatsoaka, maka, mioty. —un chien. *Mamaha* alika. — une agrafe. *Mamaha* zaigrafy. —une image collée au mur. *Manendaka* sary mipetaka amy ny rindrina. — une épingle. *Manesotra, manatsoaka* paingotra. —des fruits. *Maka, mioty* voankazo. 2°—, Mampisaraka, manavaka. —le jardin de la maison. *Mampisaraka, manavaka* ny zarday amy ny trano. —des soldats pour garder un village. *Manavaka* miaramila mba hiambina tanána anankiray. 3° *fig.* Mamono fitiavana, mampiala, mampisaraka. L'amour de Dieu nous détache des biens de la terre. Ny fitiavana an' Andriamanitra *mamono* ny *fitiavantsika* ny zavatry ny tany. Je ne puis le — de ses mauvais camarades. Tsy mahazo *mampiala, mampisaraka* azy amy ny namany ratsy aho.

Se détacher, *vpr.* 1° Mivaha, miendaka, miala, mitsoaka, midifika, mibintsana. Le ruban se détache. *Mivaha* ny robà. Le clou se détache. *Miala, mitsoa-*

ka ny fantsika. Se—par éclats. *Midifika.* 2°—, Misaraka, miavaka. Un vaisseau se détacha de la flotte. Nisy sambo anankiray *nisaraka, niavaka* tamy ny namany. 3° *fig.* Tsy miraiki-po, miala, misaraka. Il s'est détaché du jeu. *Tsy miraiki-po* intsony amy ny lalao izy. Se —d'un parti. *Miala, misaraka* amy ny andaniny anankiray.

DÉTACHER, *va.* Manala loto, manala pentina.

DÉTAIL, *sm.* 1° Fanatsinjarana. Vendre au—, en—. *Manatsinjara.* 2°—, Dinidinika, zavatra madinika. Envoyez-moi le—de tout ce que je vous ai acheté. Ampitondray ny *dinidiniky* ny *zavatra* novidiko taminao aho. Racontez-moi les détails de votre voyage. Tantarao amiko ny *dinidiniky* ny dia nalehanao. Examiner en—. *Mandinidinika,* mikarakara. Il s'occupe de tous les détails. Mikarakara ny *zavatra madinika* rehetra izy. ‖ *loc.* Raconter en—. Mamisavisa, mandraraka isa.

DÉTAILLANT, ANTE, *adj.* et *s.* Mpanatsinjara.

DÉTAILLER, *va.* 1° Mandrasarasa, mitetika. —un bœuf. *Mandrasarasa* omby, *mitetika* hen'omby. 2°—, Manatsinjara. 3°—, Mamisavisa, milaza tsirairay.

Se détailler, *vpr.* Tsinjaraina.

DÉTALAGE, *sm.* Fangoronam-barotra.

DÉTALER, *va.* Mangorom-barotra. — les marchandises. *Mangorom-barotra.*

—, *vn.* Mandositra.

DÉTEINDRE, *va.* Mampiofo. Le soleil déteint les étoffes. Ny hainandro *mampiofo* ny lamba.

—, *vn.* Miofo. Cette étoffe déteint, *Miofo* ity lamba ity.

DÉTELER, *va.* Manaha soavaly na biby bafa amy ny kalesy, amy ny sarety, etc.

DÉTENDRE, *va.* 1° Manaketraka, managedragedra. —une corde. *Manaketraka, managedragedra* tady. 2° *fig.* Manala sasatra. Les jeux détendent l'esprit. Ny lalao *manala sasatra* ny saina. Il faut quelquefois—l'arc. Tokony *halan-tsasatra* indraindray ny saina.

Se détendre, *vpr.* 1° Mihaketraka, migedragedra. 2° *fig.* Miala sasatra.

DÉTENIR, *va.* 1° Mitana, mihazona. — le bien d'autrui. *Mitana,* etc., ny zavatr' olona. 2°—, Mitana ao an-tranomaizina.

DÉTENTE, *sf.* 1° Fihatsiny. Ce fusil est dur à la—. Marenina ny *fihatsin'* io basy io. 2° *fig.* Etre dur à la—. Mahihitra, marenina amy ny fandoavan-trosa.

DÉTENTEUR, TRICE, *s.* Mpitana zavatr' olona, mpihazona—.

DÉTENTION, *sf.* 1° Fitanana zavatr'olona, fihazonana—. 2°—, Fitanana ao antranomaizina. Il fut condamné à cinq ans de—. Nohelohina *hotanana* dimy taona *ao an-tranomaizina* izy.

DÉTENU, UE, *p. adj.* et *s.* 1° Voatana, notanana, voahazona, nohazonina. 2°—, Notanana ao an-tranomaizina, tanana—. Il est —en prison. *Tanana ao an tranomaizina* izy.

DÉTERGER, *va.* Manadio fery.

DÉTÉRIORANT, ANTE, *adj.* Mahasimba.

DÉTÉRIORATION, *sf.* Fanimbana, fahasimbana.

DÉTÉRIORER, *va.* Manimba.

Se détériorer, *vpr.* Mihasimba. Cette maison se détériore. *Mihasimba* io trano io.

DÉTERMINANT, ANTE, *adj.* Mitaona, mitarika. Quel est le motif —de son crime? Inona no antony *nitaona,* etc., azy mba hanao izany heloka izany?

DÉTERMINATIF, IVE, *adj.* Mametra.

—, *sm.* Teny mametra.

DÉTERMINATION, *sf.* 1° Famerana. 2°—, Fandraiketan-kevitra, hevitra raikitra. Prendre une —. *Mandraiki-kevitra.* Quelle — le conseil a-t-il prise? Inona no *hevitra naraikitry* ny mpanolo-tsaina?

DÉTERMINÉ, ÉE, *adj.* Sahy, mahery fo. Un soldat—. Miaramila *sahy,* etc.

DÉTERMINÉMENT, *adv.* 1° Tsy amim-pisalasalana. 2°—, Mazava. 3°—, Amin-kasahiana, amin-kerim-po.

DÉTERMINER, *va.* 1° Mandraikitra, mametra, milaza mazava, mandraiki-kevitra. C'est un point que l'Église a déterminé. Zavatra *naraikitry* ny Eglizy izany. — le sens d'un mot. *Mametra* ny hevitry ny teny anankiray. Il a déterminé l'heure à laquelle aura lieu l'éclipse de lune. Izy *nilaza mazava* ny fotoana hisehoan' ny fanakonan' ny volana. Il a déterminé de rebâtir sa maison. *Nandraiki-kevitra* mba hanorina indray ny tranony izy. 2°—, Mampandraiki-kevitra, mitarika, fototra. Cette nouvelle le détermina. Izany zava-bao-

vao izany no *nampandraikitra* ny *hevitry*. C'est là ce qui détermina la révolution. Izany no *nitarika*, no *fototry* ny fikorontanana.

Se déterminer, *vpr*. Mandraiki-kevitra. Déterminez-vous. *Araiketo* ny *hevitrao*.

DÉTERRÉ, ÉE, *p*. et *adj*. 1° Voafokatra, nofokarina, voafongatra, nofongarina. 2° *fig*. Avoir l'air d'un —. Mivolom-balala maty.

DÉTERRER, *va*. Mamokatra, mamongatra. On a fait — son corps. Nasaina *hofokarina*, *hofongarina* ny fatiny. On a déterré le trésor. *Voafokatra, voafongatra* ny rakitra.

DÉTERSIF, IVE, *adj*. Mahadio fery. —, *sm*. Fanafody mahadio fery.

DÉTERSION, *sf*. Fanadiovam-pery.

DÉTESTABLE, *adj*. 1° Tokony ho hala, tokony hankahalaina. Homme —. Olona *tokony ho hala*, etc. Crime —. Heloka *tokony hankahalaina*. 2°—, Ratsy dia ratsy. Chemin —. Lálana *ratsy dia ratsy*.

DÉTESTABLEMENT, *adv*. Ratsy dia ratsy.

DÉTESTATION, *sf*. Fankahalana.

DÉTESTER, *va*. 1° Mankahala, tsy tia mainty, manao halavolo. — quelqu'un. *Mankahala*, etc., olona. — le péché. *Mankahala* ny fahotana. 2°—, Tsy tia. Il déteste la solitude. *Tsy tia* ny mitoetra irery izy. Comme HAÏR.

Se détester, *vpr*. Mifankahala, mifanao halavolo.

DÉTIRER, *va*. Mitarika. —du ruban. *Mitarika* robá.

Se détirer, *vpr*, Miezaka. Voy. S'ÉTIRER.

DÉTISSER, *va*. Mamaha lamba.

DÉTONATION, *sf*. Fipoahana.

DÉTONER, *vn*. Mipoaka.

DÉTONNER, *vn*. Diso faka feo, diso pitsiny, mivalana.

DÉTORDRE, *va*. Manala olana. —une corde. *Manala olana* tady.

Se détordre, *vpr*. Miala olana.

DÉTORQUER, *va*. Mamily hevitra. — un texte. *Mamily* ny *hevitry* ny teny nalaina.

DÉTORTILLER, *va*. Manala olana. —un cordon. *Manala olana* kofehy.

Se détortiller, *vpr*. Miala olana.

DÉTOUR, *sm*. 1° Olaka, olika, safelika, hodimirana. La rivière fait un—. *Miolaka, miolika, misafelika* ny renirano. Il l'attendit à un—. Niandry azy tao an-*kodimirana* izy. J'ai suivi les détours de la montagne. Nanaraka ny tendrombohitra *miolakolaka, mioliko-lika* aho, nanara-*kodimirana* ny tendrombohitra aho. 2°—, Lálana mivily, —miolaka, —miolika, —misafelika, — mihodivitra. J'ai fait un — pour arriver à la ville. Nanaraka ny *lálana mivily*, etc., aho mba hiakatra ao an-tanána. 3° *fig*. Olakolaka, teny miolaka. Il prend toujours des détours pour dire la vérité. Be *olakolaka*, manao *teny miolakolaka* izy raha hilaza ny marina. Parlez sans—. Aza manao *teny miolakolaka*.

DÉTOURNÉ, ÉE, *p*. et *adj*. 1° Navily, mivily, natolaka, naolaka, miolaka, miolika, misafelika, mihodivitra. Il a pris un chemin—. *Nivily* lálana, nanaraka ny lálana *mivily, miolaka, miolika, misafelika, mihodivitra* izy. 2°—, Nangalarina. 3° *fig*. Navily, nosakanana mba tsy..., notaomina mba tsy..., notarihina mba tsy...

DÉTOURNEMENT, *sm*. Fangalarana.

DÉTOURNER, *va*. 1° Mamily, mampivily, manolaka, manodivitra. —une rivière. *Mamily* renirano. —quelqu'un du chemin. *Mampivily* lálana olona. Que Dieu détourne de nous ce malheur! Mba *havily, hatolak'* Andriamanitra anie izany loza izany! — le sens d'un mot. *Mamily, manolaka* ny hevitry ny teny anankiray. Il détourna ses regards. *Naviliny, nahodiviny* ny masony. 2°—, Mangalatra, mamily. Il a détourné mille piastres des fonds publics. *Nangalatra*, etc., ariary arivo tamy ny volam-panjakana izy. 3° *fig*. Mamily, mampivily, misakana mba tsy ..., mitaona mba tsy..., mitarika mba tsy.... Détournez votre esprit de cet objet. *Avilio* mba tsy hihevitra izany ny sainao. Il l'a détourné de la droite voie. *Nampivily* azy tamy ny lálana marina izy. Cela m'a détourné de mes études. Izany no *nisakana* ahy *mba tsy* hianatra. Il m'a détourné de ce procès. *Nitaona, nitarika* ahy *mba tsy* hanao izany ady izany izy.

—, *vn*. Mivily, mihodivitra. Détournez à gauche. *Mivilia, mihodivira* amy ny havia.

Se détourner, *vpr*. 1° Mivily, miolaka, mihodivitra, mihodina. Il se détourna pour m'éviter. *Nivily, nihodivitra* izy mba

tsy hifanena amiko. Elle se détournait afin qu'on ne pût la voir. *Nihodivitra, nihodina* izy mba tsy hisy hahita azy. 2° *fig*. Mivily.

DÉTRACTER, *va*. Mifosa, manaratsy.

Se détracter, *vpr*. Mifampifosa, mifanaratsy.

DÉTRACTEUR, *sm*. et *adj*. Mpifosa, mpanaratsy.

DÉTRACTION, *sf*. Fifosana, fanaratsiana.

DÉTRAQUER, *va*. Manimba. —une montre. *Manimba* famantaranandro. Cet aliment lui a détraqué l'estomac. *Nanimba* ny ambavafóny izany hanina izany.

Se détraquer, *vpr*. Mihasimba.

DÉTREMPER, *va* 1° Mandóna, mandevona, mamonto. —de la chaux. *Mandóna* sokay. —des couleurs. *Mandevona* loko amy ny rano. —du pain dans du vin. *Mandóna* mofo amy ny divay. *mamonto* divay ny mofo. 2°—, Manala ofana.

DÉTRESSE, *sf*. Fahoriana, fanahiana. Il est dans une grande—. Latsaka ao anatin' ny *fahoriana*, etc., lehibe izy. ‖ *loc*. Pousser un cri de—, lever un signal de—. Miantso vonjy.

DÉTRIMENT, *sm*. Fanimbana, fahasimbana, fatiantoka. Causer un—à quelqu'un. *Manimba* zavatr' olona, *mahafaty antoka* olona. Comme DOMMAGE.

DÉTRITUS, *sm*. Antontan-java-maniry mihaló.

DÉTROIT, *sm*. Andilan-dranomasina.

DÉTROMPER, *va*. Mampiseho hadisoan-kevitra. Cette lettre le détrompa. *Nampiseho* ny *hadisoan-keviny* izany taratasy nampitondraina izany.

Se détromper, *vpr*. Tsy diso hevitra intsony.

DÉTRÔNER, *va*. 1° Manongana mpanjaka. 2° *fig*. Mandrava. —le vice. *Mandrava* ny fahazaran-dratsy.

DÉTROUSSER, *va*. 1° Mampidina. —sa robe. *Mampidina* ny robony. 2°—, Misakan-dálana, mandroba. Des voleurs le détroussèrent. Nisy jirika *nisakandálana, nandroba* azy.

Se détrousser, *vpr*. Mampidina akanjo.

DÉTRUIRE, *va*. Mandrava, mandevona, mamongotra, mandringana, mandripaka, manafoana, manimba. —une maison. *Mandrava* trano. Titus détruisit Jérusalem. Titosy *nandrava, nandevona, namongotra* any Jerosalema. —une armée. *Mandevona, mandringana, mandripaka* tafika. Il détruisit l'hérésie. *Nolevoniny, nofongorany, nofoanany* ny herezia. Les pluies ont détruit le riz. *Nandevona* ny vary ny ranonorana. Les veilles ont détruit sa santé. Ny fiaretan-tory no *nanimba* ny hasalamany.

Se détruire, *vpr*. 1° Rava, levona, fongotra, lany ringana, ripaka, foana, simba. Les maisons se détruisent d'elles-mêmes. *Rava* ho azy ny trano. 2°—, Mamono tena.

DÉTRUIT, ITE, *p*. et *adj*. Voarava, noravana, rava, nolevonina, levona, voafongotra, nofongorana, naringana, voaripaka, naripaka, nofoanana, simba, nosimbana.

DETTE, *sf*. 1° Trosa. J'ai une—à payer. Ananan'olona *trosa* aho. Il ne peut payer ses dettes. Tsy mahaloa *trosa*, verin' ny *trosan'* olona izy. 2° *fig*. Zavatra tsy maintsy hatao, fankasitrahana. Payer une—de reconnaissance. *Mankasitraka*.

DEUIL, *sm*. 1° Fisaonana, saona, fandalána. Être en—. *Misaona*. Elle porte encore des vêtements de—. Mbola mitondra akanjo *fisaonana* izy. Quitter le—. Miala *saona*. Il a quitté le—. Afa-*tsaona* izy. Faire le—de son mari ou de sa femme. *Mandala* ny vadiny. 2°—, Fahoriana, alahelo. Cette bataille a plongé beaucoup de familles dans le—. Izany ady izany nampiditra *fahoriana*, etc., tamy ny fianakaviana maro.

DEUX, *adj. num*. 1° Roa, anankiroa. J'ai acheté—bœufs. Nividy omby *roa*, etc., aho. Quel est le plus âgé des—? Iza no zokiny amin' izy *roa* lahy?—cents. *Roan*-jato.—à— *Tsiroaroa*.—fois. *Indroa*.—fois autant. *Indroa* heny, avo sasaka. Ne faites pas cela—fois. Aza *manindroa* izany, aza *indraozina* izany. Le sacrement de la confirmation ne peut être reçu—fois. Tsy azo *indraozina* ny sakramentan' ny konfirmasio. Tous les—jours. Isaky ny *indroa* andro. Il a la fièvre tous les—jours. Manavy isaky ny *indroa* andro izy, mampoelana isaky ny *indroa* andro ny fanaviany. Poule qui pond tous les—jours. Akoho mampoelana. Ces caféiers ne produisent que tous les—ans. Ireo foto-kafé ireo tsy mamoa afa-tsy isaky ny *indroa* taona. Fendre une planche en—. Mamaky *roa*

ny hazo fisaka, manasaka hazo fisaka anankiray. Le sabot du bœuf est fendu en —. Mivaky *roa* ny kitron' omby. Couper une canne en —. Manapa-*droa* tehina anankiray. Partager en — une mesure de riz. Mizara *roa*, manasaka fahenimbary. Épée à — tranchants. Sabatra marani-dany *roa*, *miroa* lelá. Couteau à — lames. Antsipíka *roa* lela. Je vous dirai — choses. Zavatra *roa* loha no holazaiko aminao. 2°—, Faharoa. Page —. Takelaka *faharoa*.

—, *sm*. Roa. Il arrivera le — Mai. Ho tonga amy ny *roa* May izy.

DEUXIÈME, *adj. ordin.* et *s*. Faharoa. Chapitre —. Toko *faharoa*. || *loc.* Faire une chose pour la — fois. Manindroa. Pour la — fois. Fanindroany.

—, *sm*. Rihana faharoa. Il reste au —. Mitoetra ao amy ny *rihana faharoa* izy.

DEUXIÈMEMENT, *adv.* Faharoa.

DÉVALISER, *va.* Mandroba, manafoana, mamafa. Les voleurs m'ont dévalisé. *Norobain'* ny mpangalatra aho. Les voleurs ont dévalisé ma maison. *Nofoanana*, *nofafan'* ny tontakely ny zavatra tao an-tranoko.

DEVANCER, *va.* Mialoha, mihoatra. Il le devança à la course. *Nialoha*, *nihoatra* azy tamy ny fifanalana hazakazaka izy. Les éclaireurs devancent l'armée. *Mialoha* ny tafika ny mpitsikilo. Ceux qui nous ont devancés dans la vie. Izay *nialoha* antsika tamin' ity fiainana ity. Sa sagesse a devancé son âge. Ny fahendreny *nialoha* ny taonany. L'éclair devance le bruit du tonnerre. Ny helatra *mialoha* ny kotroka.

DEVANCIER, IÈRE, *s*. Ny teo aloha, ny dimbasana. Je tiens cela de mon —. Reko tamy *ny teo alohako*, tamin' izay *nodimbasako* izany.

—, *pl.* Ny ntaolo.

DEVANT, *prép.* et *adv.* 1° Alohá. Si vous êtes pressé, courez —. Raha maika hianao, mihazakazaha *mialoha*. Aller —. *Mialoha*. Marchez — moi. *Mialohá* ahy. Je l'ai envoyé —. *Nampialohaiko* izy. 2°—, Anatrehana, anoloana, imaso. Regardez — vous. Mijeré *manatrika*. Il a été conduit — les juges. Nentina teo *anatrehana*, *anoloan'* ny mpitsara izy. Ne passez pas — lui. Aza mandalo eo *anatrehany*, *anoloany*, aza manerana azy. Le coupable est — vous. Ao *anatrehanao*, etc., ny meloka. Un homme vous attend — la maison. Misy olona miandry anao ao *anoloan'* ny trano. Les dents de —. Ny nify *anoloana*, ny andria-nify. || *loc.* Les pieds de —. Ny tánana, ny tongo-kely. Le bœuf est blessé aux deux pieds de —. Maratra ao amy ny *tánany*, etc., roa ny omby.

Au-devant, *loc. prép.* et *adv.* Aller au —. Mitsena. Se porter au — du souverain. *Mitsena* ny mpanjaka.

Par-devant, *loc. prép.* Anoloana. Une balle l'a blessé par —. Nisy bala anankiray nahavoa azy tao *anoloany*.

DEVANT, *sm*. Ny anoloana. Le — de la maison est bien orné. Be renty ny *anoloan'* ny trano. Le — d'un habit. Ny *anoloan'* akanjo. || *loc.* Prendre les devants. Mialoha.

DEVANTURE, *sf.* Ny anoloana. Des robes sont suspendues à la — de la boutique. Misy robo mihantona ao amy ny *anoloan'* ny trano fivarotana.

DÉVASTATEUR, TRICE, *adj.* et *s*. Mpandrava, mpanimba. Un torrent —. Riaka *mandrava*, *manimba*.

DÉVASTATION, *sf.* Fandravana, fanimbana.

DÉVASTER, *va.* Mandrava, manimba. Les ennemis ont dévasté cette province. Ny fahavalo *nandrava*, *nanimba* ny zavatra rehetra tamin' ity fari-tany ity.

DÉVELOPPEMENT, *sm.* 1° Famelarana, fivelarana, fandaharana, filaharana. 2° *fig*. Fampitomboana, fitomboana, fanatanjahana, fampandrosoana, fandrosoana, fanitarana, fitarana, fivoasana.

DÉVELOPPER, *va.* 1° Mamelatra, mamboraka, mandahatra. —une carte. *Mamelatra* sarin-tany. —un paquet. *Mamboraka* entana. 2° *fig*. Mampitombo, manatanjaka, mampandroso, manitatra; mamelatra, mivaofy. La nourriture développe le corps. Ny hanina *mampitombo* ny vatana. Le travail développe le corps. Ny asa *manatanjaka* ny vatana. L'étude développe l'intelligence. Ny fianarana *mampitombo*, *mampandroso*, *manitatra* ny saina. Il a bien développé son idée. *Nanitatra*, *namelatra* tsara ny heviny izy. Il a bien développé le texte de l'Écriture Sainte. *Nivaofy* tsara ny teny nalaina tamy ny Soratra Masina izy.

Se développer, *vpr.* 1° Mivelatra, miboraka, milahatra. L'armée se développa dans la plaine. *Nilahatra* tamy ny tany lemaka ny tafika. 2° *fig*. Mitombo, mihatanjaka, mandroso, mitatra. Cet

enfant se développe. *Mitombo, mihatanjaka* io zaza kely io. Sa raison se développe. *Mandroso, mitatra* ny sainy.

DEVENIR, *vn.* 1° Tonga, miha.... Il est devenu grand. *Tonga* lehibe, *nihalehibe* izy. 2°—, Anjara, atao, mankaiza. Que deviendrai-je ? Inona no ho *anjarako?* Inona no *hataoko? Hankaiza* aho? Que devenez-vous? Inona no *ataonao? Mankaiza* bianao? Qu'est devenu votre frère? *Nankaiza* ny rahalahinao? Que sont devenus vos serments? *Natao* ahoana ny fianianana nataonao?

DÉVERGONDAGE, *sm.* Fitendrantena ratsy.

DÉVERGONDÉ, ÉE, *adj.* et *s.* Tsy mahalala menatra, tsy valahara, ratsy fitondran-tena.

DÉVERSER, *vn.* Mihoatra. L'eau déversait par-dessus la chaussée. Ny rano *nihoatra* ny fefiloha.

—, *vn.* Manototra. Il déverse le mépris sur lui. *Manototra* fanesoana azy izy.

Se déverser, *vpr.* Mankany. L'eau du lac se déverse dans la rivière. Ny rano amy ny farihy *mankany* amy ny renirano.

DÉVERSOIR, *sm.* Vody tatatra, vody kamory.

DÉVIATION, *sf.* 1° Fiviliana, fibirioka, fiviona, fihodivitra. 2° *fig.* Fiviliana, fiambilimbily.

DÉVIDAGE, *sm.* Fanantsodiavana.

DÉVIDER, *va.* Manantsody.

Se dévider, *vpr.* Antsodina.

DÉVIDEUR, EUSE, *s.* Mpanantsody.

DÉVIDOIR, *sm.* Tolotra, fanantsodiavana.

DÉVIER, *vn.* 1° Mivily, mibirioka; miviona, mihodivitra. J'ai dévié de ma route. *Nivily* lálana aho. La balle a dévié. *Nivily, nibirioka, niviona* ny bala. La colonne vertébrale a dévié. *Nihodivitra* ny hazon-damosina. 2° *fig.* Mivily, miambilimbily. Il a dévié de la bonne voie. *Nivily, niambilimbily* tamy ny lálana marina izy.

Se dévier, *vpr.* 1° Mivily, mibirioka, miviona, mihodivitra. 2° *fig.* Mivily, miambilimbily.

DEVIN, INERESSE, *s.* Mpisikidy, ombiasy, mpimasy, mpanao hitsakandro.

DEVINER, *va.* 1° Maminany, manao hitsakandro. Les hommes ne peuvent —l'avenir. Ny olombelona tsy mahazo *maminany* ny ho avy. Devine quelle est ma pensée? *Vinanio* inona no hevitro ? 2°—. Mahalala, mahafantatra, mahita. Je devine ta ruse. *Fantatro, hitako* ny hafetsenao.

Se deviner, *vpr.* 1° Vinanina. 2°—, Mifankahalala. Les coquins se devinent. *Mifankahalala* ny karilahy.

DEVINEUR, EUSE, *s.* Mpaminany.

DEVIS, *sm.* Vinavina. Faire un—. *Maminavina.* Faites-moi le—de ce que je dépenserai pour ma maison. *Vinavinao* izay ho laniko amy ny tranoko.

DÉVISAGER, *va.* 1° Mandrotika tarehy, mandrava tarehy. 2°—, Mamantatra.

Se dévisager, *vpr.* 1° Mifandrotika tarehy, mifandrava tarehy. 2°—, Mifamantatra.

DEVISE, *sf.* 1° Oha-teny, foto-kevitra. 2°—, Sary milaza ohatra.

DEVISER, *vn.* Miresaka, mitafasiry, mitafa, mitaria, mikorána. Voy. CAUSER.

DÉVISSER, *va.* Manala saikiró, manala rindram-by.

Se dévisser, *vpr.* Miala saikiró, miala rindram-by.

DÉVOIEMENT, *sm.* Fivalanan-dava, fitsiririhana.

DÉVOILER, *va.* 1° Manala sarona.—un tableau. *Manala saron*-tsary. Dévoilez-lui la tête. *Esory* ny *saron*-dohany. 2° *fig.* Manambara. —un secret. *Manambara* ny tsiambaratelo.

Se dévoiler, *vpr.* 1° Miala sarona. 2° *fig.* Miseho.

DEVOIR, *va.* et *vn* 1° Ananan' olona vola, mitrosa, tsy maintsy handoa. Il doit cent piastres. *Ananan' olona*, etc., ariary zato izy. Il doit six mesures de riz. *Tsy maintsy handoa* vary iray izy. 2°—, Tsy maintsy. L'enfant doit le respect à ses parents. Ny zanaka *tsy maintsy* hanaja ny ray aman-dreniny. Le monde doit finir. *Tsy maintsy* hisy farany izao tontolo izao. Nous devons mourir. *Tsy maintsy* ho faty isika. 3°—, Mikasa, mihevitra. Il doit partir demain. *Mikasa*, etc., hiala rahampitso izy. 4°—. Toa, tokony, ahazoana, na dia... aza. Votre campagne doit être fertile. *Toa* mahavokatra ny sahanao. Cela devrait les réconcilier. *Tokony* hampihavana azy ireo izany. C'est à vous que je dois cet emploi. Ilianao no *nahazoako* ity raharaha ity. Je dirai ce que je pense, dût-on murmurer. Holazaiko ny hevitro, *na dia* hisy himonjomonjo *aza*.

Se devoir, *vpr.* Tsy maintsy, tsy maintsy

hikely aina. Un roi se doit à ses sujets. Ny mpanjaka *tsy maintsy hikely aina* ho any ny vahoakany.

DEVOIR, *sm.* 1° Raharaha, adidy, andraikitra, tsy maintsy hatao. C'est mon —de vous admonester. *Raharahako, adidiko, andraikitro* ny mananatra anao. Il remplit bien son—. Mahatontosa tsara ny *raharahany* izy. C'est un—pour moi de combattre pour mon pays. Zavatra *tsy maintsy hataoko* ny miady ho any ny tanin-drazako. Les devoirs d'un père de famille. Ny *tsy maintsy hataon'* ny ray amy ny ankohonany. ‖ *loc.* Se mettre en—de.... Miomana, mivonona. 2°—, Zavatra soratan' ny mpianatra. Cet élève a bien fait son—. Io mpianatra io nahatontosa tsara ny *zavatra nosoratany.* 3°—, *pl.* Fiaharahabana. Il est allé rendre ses devoirs au gouverneur. Lasa *niarahaba* ny governora izy. ‖ *loc.* Les derniers devoirs. Fandevenana. Je viens de rendre les derniers devoirs à mon ami. Avy *nandevina* ny sakaizako aho.

DÉVOLU, UE, *adj.* Azo, lasana. Cet héritage lui est—. *Azony,* etc., izany lova izany.

—, *sm.* Fifidianana. Il a jeté son—sur ma maison. *Nifidy* ny tranoko izy.

DÉVORANT, ANTE, *adj.* 1° Mandrapadrapaka, mambosibosika, mandrebodreboka. Loup—. Amboadia *mandrapadrapaka,* etc. 2° *fig.* Mandevona. Feu—. Afo *mandevona.* 3°—, Mahamay, mangotraka, mahareraka, mahontsa. Soif dévorante. Hetaheta *mahamay.* Chaleur dévorante. Hafanana *mangotraka.* Chagrin—. Alahelo *mahontsa.*

DÉVORÉ, ÉE, *p.* 1°Nohanina, narapaka, nabosika, nareboka, nolanina, lany. 2° *fig.* Nolanina, nolevonina. 3°—, Voatana, notanana, voalefitra, noleferina, 4°—, May, mirehitra, reraka, hontsa. —par la fièvre. *Main'* ny tazo. Il est—d' ambition. *Mirehitry* ny fitsiriritam-boninahitra izy. —par la faim. *Reraky* ny hanoanana. —de chagrins. *Hontsan'* ny alahelo.

DÉVORER, *va.* 1° Mihinana, mandrapaka, mambosibosika, mandrebodreboka, mahalany. Les lions l'ont dévoré. *Nohanina, narapaky* ny liona izy. Cet enfant dévore. *Mandrapadrapaka, mandrebodreboka* io zaza kely io. Les oiseaux dévorent tous les raisins. *Lanin'* ny vorona avokoa ny voaloboka. 2° *fig.* Mandany, mandevona, mamaky, manetsaketsa. Il a dévoré sa fortune. *Nandany, nandevona* ny hareny izy. Le feu a tout dévoré. *Levon'*ny afo ny zavatra rehetra. Il a dévoré ce livre en un jour. *Namaky, nanetsaketsa* io boky io tamy ny indray andro izy. ‖ *loc.*—des yeux. Mibanjina, mila hihinana amy ny maso. Il dévore des yeux ce tableau. *Mibanjina* io sary io izy, *mila hohanin' ny masony* io sary io. 3°—, Mahatana, mandefitra. Il dévore ses larmes. *Mahatana* ranomaso izy. Il a dévoré cet affront. *Nandefitra* izany fanesoana izany izy. 4°—, Mahamay, mahareraka, mahontsa. La soif le dévore. *Main'* ny hetaheta izy.

Se dévorer, *vpr.* Mifampihinana.

DÉVOT, OTE, *adj.* et s. Tia vavaka, mazoto mivavaka, mazoto manaja ny Olo-Masina. Il est—. *Tia vavaka, mazoto mivavaka* izy. Il est — à la Vierge. Be fitiavana, *mazoto manaja* any Masina Mary izy. Il a le maintien—. Mitoetr' olon-*tia vavaka* izy.

DÉVOTEMENT, *adv.* Amim-pitiavam-bavaka.

DÉVOTION, *sf.* 1° Fitiavam-bavaka, fahazotoana mivavaka, fahazotoana manaja ny Olo-masina. Fausse—. *Fitiavam-bavaka* ankosoka. Sa — est refroidie. Nihamangatsiaka ny *fitiavany vavaka.* Livres de—. Boky momba ny *fitiavam-bavaka.* ‖ *loc.* Être à la — de quelqu'un. Mazoto hanao ny sitra-pon' olona. Jeûne de—. Fifadian-kanina atao an-tsitra-po. 2°—, Fivavahana, komonio. Il fait ses dévotions au tombeau du Saint. Manao *fivavahana* ao amy ny fasan' ny Olo-masina izy. Il a fait hier ses dévotions. Nanao *komonio* omaly izy.

DÉVOUÉ, ÉE, *adj.* Mikely aina, be fitiavana, mazoto. Il m'est tout—. *Mikely aina* ho ahy, *be fitiavana* ahy izy.

DÉVOUEMENT, *sm.* Fikelezana aina, fitiavana, fahazotoana, fahafoizana aina. Il sert ses amis avec un — extraordinaire. Manampy ny sakaizany amy ny *fikelezana aina, fitiavana, fahazotoana* mahagaga izy.

DÉVOUER, *va.* Manokana, mahafoy. Il a dévoué ses enfants au service de la patrie. *Nanokana, nahafoy* ny zanany ho any ny tanin-drazany izy.

Se dévouer, *vpr.* 1° Manokan-tena, manolo-tena, manolotena. Il s'est dévoué au service de Dieu. *Nanokan-tena,*

nanolo-tena, namehy tena hanompo an' Andriamanitra izy. 2°—, Mikely aina, mazoto, mahafoy aina. Il se dévoue à mon service. *Mikely aina, mazoto* hanompo ahy izy. Il s'est dévoué pour sa patrie. *Nahafoy* ny *ainy* ho any ny tanindrazany izy.

DÉVOYÉ, ÉE, *adj.* Nivily lálana.

DÉVOYER, *va.* Mampivily lálana.

Se dévoyer, *vpr.* Mivily lálana. Il s'est dévoyé du chemin de la vérité. *Nivily* ny *lálan'* ny fahamarinana izy.

DEXTÉRITÉ, *sf.* 1° Hakingan-tánana. 2° *fig.* Fahendrena. Il a conduit cette affaire avec—. Nitondra izany raharaha izany tamim-*pahendrena* izy.

DIABLE, *sm.* 1° Demony, devoly, zavatra. Il est possédé du —. Azon' ny *demony*, mararin-*javatra* izy. 2° *fig.* Sompatra dia sompatra, saro-po, karilahy, mpitabataba, tsy ifandrenesana. C'est un vrai—. Tena *sompatra dia sompatra* tokoa izy. Un méchant—. Olona *sompatra dia sompatra.* Cet enfant est un petit—. *Karilahy, mpitabataba, tsy ifandrenesana* io zaza kely io. || *loc.* Il tire le — par la queue. Sahirana dia sahirana amy ny fivelomana izy. Il s'en est allé au—. Lasa lavitra dia lavitra izy. Ils ont fait le — à quatre dans la maison. Nikorontana fatratra tao an-trano izy ireo. Il a fait le — à quatre pour obtenir cela. Nisahirana fatratra izy mba hahazo izany. Cela ne vaut pas le—. Zavatra tsinontsinona izany. C'est un bon—. Olona malemy fanahy, mora ifanarahana izy. C'est un pauvre—. Olona mahantra izy. Un grand —. Olona lava tsy basy. Une — d'affaire. Raharaha kary. Un froid de—. Hatsiaka lozan-tany. Il avait une peur de—. Natahotra izaitsizy izy.

—, *int.* Adre ! re !

À la diable, *loc. adv.* Tsy hakarin-javatra. Cela est fait à la—. *Tsy hakarin-javatra* ity vita ity. Cette affaire va à la—. *Tsy hakarin-javatra* izany raharaha izany.

DIABLEMENT, *adv.* Izaitsizy, loatra. Cela est — chaud. Mafana *izaitsizy, loatra* izany.

DIABLERIE, *sf.* Zavatra avy amy ny demony.

DIABLESSE, *sf.* Vehivavy sompatra dia sompatra, vehivavy kitokitoina.

DIABLOTIN, *sm.* 1° Sarin-demony kely. Il y a des diablotins dans cette image. Misy *sarin-demony kely* amin ity sary ity. 2°—, Zaza kely karilahy.

DIABOLIQUE, *adj.* 1° Avy amy ny demony. Tentation—. Fakam-panahy *avy amy ny demony.* 2° *fig.* Sompatra dia sompatra, ratsy izaitsizy, tsy hakarin-javatra, sarotra dia sarotra. Esprit—. Olona *sompatra dia sompatra.* Projet—. Fikasana *ratsy izaitsizy.* Chemin—. Lálana *tsy hakarin-javatra, sarotra dia sarotra.* C'est un travail—. Asa *sarotra dia sarotra* izany.

DIABOLIQUEMENT, *adv.* An-kasomparana.

DIACRE, *sm.* Diakra.

DIADÈME, *sm.* 1° Satro-boninahitra, satrok' andriana. Il ceignit sa tête d'un —. Nisatroka *satro-boninahitra,* etc., izy. 2° *fig.* Ceindre le—. Tonga mpanjaka.

DIAGNOSTIC, *sm.* Fanavahana aretina. Le —de cette maladie n'est pas toujours facile. Tsy dia mora mandrakariva ny *manavaka* izany aretina izany.

DIAGNOSTIQUE, *adj.* Anavahana. Les signes diagnostiques de la fièvre. Ny famantarana *anavahana* ny tazo.

DIAGNOSTIQUER, *va.* Manavaka aretina.

DIAGONAL, ALE, *adj.* Mampifandray zoro roa.

—, *sf.* Tsipika mampifandray zoro roa. Tirez une diagonale. Manaova *tsipika mampifandray* ny *zoro roa.*

DIALECTE, *sm.* Firoky, fiteny.

DIALECTICIEN, *sm.* Mahay manaporofo.

DIALECTIQUE, *sf.* Fahaizana manaporofo.

DIALOGUE, *sm.* Resaka an-tsoratra.

DIALOGUÉ, ÉE, *adj.* Misy resaka antsoratra.

DIALOGUER, *va.* Mamorona resaka an-tsoratra.

—, *vn.* Miresaka.

DIAMANT, *sm.* Diamondra, diamondra famakiam-pitaratra.

DIAMÉTRALEMENT, *adv.* Indrindra. Votre opinion est — opposée à la mienne. Ny hevitrao mifanohitra *indrindra* amy ny ahy.

DIAMÈTRE, *sm.* 1° Diamétra, tsipika mamaky ny afovoany, hatevina, habe Le — de la terre. Ny *diamétra,* ny *tsipika mamaky ny afovoany,* ny *hatevin'* ny tany. Cette colonne a trois pieds de—. Telo dia ny *hatevina, haben'* io andry io.

DIANTRE, *int.* Re! Que — me veut-il? Inona *re* no ilainy amiko?

DIAPASON, *sm.* Fakam-peo, pitsofaoro.

DIAPHANE, *adj.* Mangarangarana, mangalahala, tantera-pahazavana. L'eau est—. *Mangarangarana,* etc., ny rano. Le cristal est—. *Mangarangarana, tantera-pahazavana* ny kristaly.

DIAPHRAGME, *sm.* 1° Hendratrendrany mampisaraka ny tratra sy ny kibo, elabakaka—. 2°—, Elatrelany amy ny voankazo.

DIARRHÉE, *sf.* Fitsiririhana, fivalanan-dava, fanehitra. Avoir la—. *Mitsiririka, mivalan-dava, manehitra.*

DIATRIBE, *sf.* Famoapoahana, fandatsalatsana, fanesoana.

DICTATEUR, *sm.* Olona fidína indraindray mba hitondra fanjakana.

DICTÉE, *sf.* Sora-tononina. Écrire sous la—. Manoratra *sora-tononina.* Faire une — à des écoliers. Mampanao *soratononina* ny mpianatra.

DICTER, *va.* 1° Mampanao sora-tononina. 2° *fig.* Manolo-kevitra, manoro hevitra, mandidy. C'est lui qui a dicté à l'accusé toutes ses réponses. Izy no *nanolo-kevitra, nanoro hevitra* izay rehetra navalin' ny voampanga. Le vainqueur dicte des lois au vaincu. Ny mpandresy *mandidy* izay tiany amy ny resy. 3°—, Antony, mampi..., mampa... La crainte lui dicte ces paroles. Ny tahotra no *antony* itenenany, *mampiteny* azy tahaka izany.

DICTION, *sf.* Fandaha-teny, fandaharan-teny. Comme Élocution.

DICTIONNAIRE, *sm.* Diksionary.

DICTON, *sm.* Oha-teny.

DIÈTE, *sf.* 1° Fifadian-kanina. Le médecin lui a prescrit une—de trois jours. Ny dokotera *nampifady hanina* azy hateloan' andro. 2°—, Fivoriana ataon' ny fanjakana sasany mba handinika raharaham-panjakana.

DIEU, *sm.* Andriamanitra. Je compte partir demain, s'il plaît à—. Mikasa hiainga rahampitso aho, raha sitrak' *Andriamanitra.* Il a rejeté les faux dieux. Nanary ny *andriamanitra* tsizy izy Il se fait un—de son ventre. Ny kibony no ataony *andriamanitra.*

—, *int.* Endrey! re!—, que cela est beau! *Endrey,* izany hatsaran-javatra! Ah! mon—, qu'avez-vous fait? Inona *re* no nataonao?

DIFFAMANT, ANTE, *adj.* Mahafabaráka.

DIFFAMATEUR, TRICE, *s.* Mpanala baráka.

DIFFAMATION, *sf.* Fanalam-baráka, fanaratsiana.

DIFFAMATOIRE, *adj.* Mahafa-baráka Écrit—. Taratasy *mahafa-baráka.*

DIFFAMER, *va.* Manala baráka, manala voninahitra, manaratsy.

Se diffamer, *vpr.* Manala bará-tena, manala voninahi-tena. On se diffame en diffamant les autres. *Manala bará-tena* izay manala baráka olona.

DIFFÉREMMENT, *adv.* Hafa, samihafa. Il agit— des autres. *Hafa,* etc., amy ny any ny sasany ny ataony.

DIFFÉRENCE, *sf.* 1° Ny mahasamihafa. Je fais une grande—entre vous et lui. Ataoko fa *samihafa* lavitra hianao sy izy. 2°—, Elanelana, ny tsy itoviana. La — de 6 et de 4 est 2. Ny *elanelan',* etc., ny 6 sy ny 4 dia 2.

DIFFÉRENCIER, *va.* Mahasamihafa, manavaka.

Se différencier, *vpr.* Miavaka.

DIFFÉREND, *sm.* Fifandirana, ady. C'est lui qui a jugé leur—. Izy no nitsara ny *fifandirana,* ny *adin'* izy ireo.

DIFFÉRENT, ENTE, *adj.* Hafa, samihafa, maro. Ce sont deux hommes bien différents. *Hafa, samihafa* lavitra izy roa lahy. Différentes personnes me l'ont dit. Olona *samihafa, maro* no nilaza izany tamiko.

DIFFÉRER, *va.* Mampihemotra, manemotra, manao ampitso lava. On a différé le mariage. *Nahemotra* ny fanambadiana. Il diffère toujours le payement de sa dette. *Ahemony, anaovany ampitso lava* mandrakariva ny fandoavana ny volan'olona.

—, *vn.* 1° Miatoato. Ne différez point d'y aller. Aza *miatoato* mba hankany. 2°—, Hafa, samihafa. Mon opinion diffère de la sienne. *Hafa,* etc., ny hevitro sy ny azy. 3°—, Misara-kevitra. Ils diffèrent sur plusieurs points. *Misara-kevitra* amy ny zavatra maro izy ireo.

Se différer, *vpr.* Ahemotra, angatahana andro. Ce payement ne peut se—. Tsy azo *ahemotra,* etc., izany fandoavambola izany.

DIFFICILE, *adj.* 1° Sarotra. Travail—. Asa*sarotra.* —à comprendre. *Saro*-pantarina.— à faire. *Sarotra* atao. Temps difficiles. Andro *sarotra.* Être dans une situation —. *Mananosarotra* amy ny raharaha manahirana. 2°—, Sarotsarotiny, kiankianina, miangentsangentsana, mitsingintsingina. Il est — sur les aliments. *Sarotsarotiny,* etc., amy ny haninkaniña izy. C'est un homme—. Olona *sarotsarotiny,* etc., izy.

—, *s.* Sarotsarotiny, kiankianina, miangentsangentsana, mitsingintsingina. Comme Délicat.

DIFFICILEMENT, *adv.* Sarotra, mananosarotra. On change—de caractère. *Sarotra* ny miova toe-panahy. Il marche—. *Mananosarotra* izy raha mandeha.

DIFFICULTÉ, *sf.* 1° Hasarotra, hasarotana, fananosarotra. La—du chemin a retardé sa marche. Ny *hasarotry* ny lálana no nahela ny diany. Il parle avec —. Miteny *mananosarotra* izy. 2°—, Sampona. Il suscite toujours des difficultés dans cette affaire. Mamoron*tsampona, manampontsampona* mandrakariva amin' izany raharaha izany izy. 3° —, Fifandirana, fanoherana. Avoir une — avec un ami. *Mifanditra* amy ny sakaiza. Il fait des difficultés sur tout. *Manohitra* amin' izao zavatra rehetra izao izy. 4°—, Zavatra mampisalasala. Je vous soumettrai trois difficultés. Holazaiko aminao ny *zavatra* telo loha *mampisalasala.*

Sans difficulté, *loc. adv.* Moramora, tsimoramora. Il a obéi sans—. Nanaiky *moramora,* etc., izy.

DIFFICULTUEUX, EUSE, *adj.* Sarotsarotiny. Il a un caractère —. *Sarotsarotiny* izy.

DIFFORME, *adj.* 1° Ratsy tarehy, ratsy bika, ratsy toe-batana, ratsy. Son visage est—. *Ratsy tarehy* izy. Son corps est—. *Ratsy bika, ratsy toe-batana* izy. Ses pieds sont difformes. *Ratsy* tongotra izy. 2° *fig.* Ratsy. Rien n'est plus— que le vice. Tsy misy *ratsy* mihoatra ny fahazaran-dratsy.

DIFFORMITÉ, *sf.* 1° Haratsian-tarehy, haratsiam-bika, haratsiana. 2° *fig.* Haratsiana.

DIFFUS, USE, *adj.* Lavareny, manao teny lavareny. Cet avocat est —. *Manao teny lavareny* io mpisolo vava io. Comme Prolixe.

DIFFUSÉMENT, *adv.* Lavareny. Parler —. Manao teny *lavareny.*

DIFFUSION, *sf.* 1° Fihahaka. La — du son. Ny *fihahaky* ny feo. 2°—, Teny lavareny.

DIGÉRER, *va.* 1° Mahalevon-kanina. Son estomac ne digère pas les aliments. Tsy *mahalevon-kanina* ny ambavafóny. 2° *fig.* Mandinika, manamasaka. Il digère bien ses lectures. *Mandinika* tsara ny teny vakiny izy. Il a bien digéré son projet. *Nandinika, nanamasaka* tsara ny fikasany izy. 3°—, Mandefitra. Il ne peut — cet affront. Tsy *mahalefitra* izany fanesoana izany izy.

Se digérer, *vpr.* Levonina.

DIGESTIF, IVE, *adj.* Mampahalevonkanina. Le vin est —. *Mampahalevonkanina* ny divay. ‖ *loc.* L'appareil —. Ny fandevonan-kanina.

—, *sm.* Zavatra mampandevon-kanina.

DIGESTION, *sf.* Fandevonan-kanina. La promenade facilite la —. Ny fitsangantsanganana mahamora ny *fandevonan-kanina.*

DIGITAL, ALE, *adj.* Amy ny rantsantánana.

DIGITÉ, ÉE, *adj.* Hoatry ny rantsantánana.

DIGNE, *adj.* 1° Mendrika. Il est — d'estime. *Mendrika* hatao ho zavatra izy. Il est—de châtiment. *Mendrika* hofaizina izy. Il a obtenu une—récompense de ses travaux. Nahazo valisoa *mendrika* ny asany izy. Il a un air —. *Mendrika* ny toetrany. 2°—, Tsara fanahy. C'est un— homme. *Tsara fanahy* izy.

DIGNEMENT, *adv.* 1° Araka izay mendrika. Je l'ai récompensé —. Novaliako soa *araka izay mendrika* azy izy. 2°—, Tsara, araka ny mety. Il se conduit —. Mitondra tena *tsara,* etc., izy.

DIGNITAIRE, *sm.* Manamboninahitra, mpanao raharaha ambony.

DIGNITÉ, *sf.* 1° Fahamendrehana, toetr'andriana. Sa conduite manque de—. Tsy *mendrika* ny fitondran-tenany. Il a de la —. *Mendrika,* manao *toetr'andriana, mitoetr'andriana* izy. ‖ *loc.* Perdre toute —. Maniva tena, manavazin-tena, mivazina. Se donner des airs de —. Mianjonanjona, miandranandra-

na. 2° —, Fiandrianana, fiamboniana, voninahitra, raharaha ambony. Il aspire à la — royale. Mitsiriritra ny *fiandrianana, fiambonian'* ny mpanjaka izy. Il a été élevé aux premières dignités de l'État. Nasandratra ho amy ny *voninahitra, raharaha ambony* amy ny fanjakana izy.

DIGRESSION, *sf.* Fivilian-kevitra. Il fait des digressions. *Mivily hevitra* izy.

DIGUE, *sf.* 1° Fefiloha. La — est rompue. Vaky ny *fefiloha.* 2° *fig.* Sakana. Opposer une — à la licence. *Misakana* ny fitondran-tena ratsy.

DILACÉRATION, *sf.* Fandromotana, famotipotehana.

DILACÉRER, *va.* Mandromotra, mamotipotika.

DILAPIDATEUR, TRICE, *adj.* et *s.* Mpandany foana.

DILAPIDATION, *sf.* Fandaniana foana.

DILAPIDER, *va.* Mandany foana. — les fonds publics. *Mandany foana* ny volam-panjakana.

DILATABILITÉ, *sf.* Ny ahazoany mitatra.

DILATABLE, *adj.* Mety hitatra.

DILATATION, *sf.* Fanitarana, fitarana.

DILATER, *va.* 1° Manitatra. La chaleur dilate l'air. Ny hafanana *manitatra* ny rivotra. 2° *fig.* Mahafaly, maharavoravo.

Se dilater, *vpr.* 1° Mitatra. 2° *fig.* Mifaly, miravoravo. Mon cœur se dilate. *Mifaly,* etc., ny foko.

DILATOIRE, *adj.* Mampihemotra ny ady. Moyen—. Zavatra *mampihemotra ny ady.*

DILECTION, *sf.* Fitiavana.

DILIGEMMENT, *adv.* Haingana, faingana, an-kazotoana.

DILIGENCE, *sf.* 1° Hafainganana, hamailahana, harisihana, hazotoana, fahazotoana. 2° —, Kalesy lehibe misy kodiarana efatra.

DILIGENT, ENTE, *adj.* Haingana, mailaka, marisika, mazoto. Le messager a été —. *Haingana, mailaka* ny iraka. C'est un ouvrier —. Mpiasa *mailaka, marisika, mazoto.*

DILUVIEN, IENNE ou **DILUVIAL, ALE,** *adj.* 1° Momba ny safo-drano. 2° *fig.* Pluie diluvienne. Ranonorana mikija, — mizetra.

DIMANCHE, *sm.* Alahady.

DÎME, *sf.* Ny ampahafolom-bokatra naloa taloha ho any ny tempo-menakely na ho any ny Eglizy.

DIMENSION, *sf.* Halehibiazana, habe. Ces deux objets sont de même —. Mitovy ny *halehibiazan'* ireo zava-droa ireo, mitovy *habe* ireo zava-droa ireo.

DIMINUER, *va.* Mampihena, manakekely. — les impôts. *Mampihena* ny hetra. — une colonne. *Manakely* andry. Ce que vous dites diminue ma douleur. *Mampihena* ny alaheloko izay lazainao.
—, *vn.* Mihena, mihakely, mihafohy. Ses forces diminuent. *Mihena, mihakely* ny heriny. Les eaux diminuent. *Mihena* ny rano. Les jours diminuent. *Mihafohy* ny andro.

Se diminuer, *vpr.* Mihena, mihakely.

DIMINUTIF, IVE, *adj.* Mampihena.
—, *sm.* Teny mampihena.

DIMINUTION, *sf.* Fampihenána, fihenána.

DINDE, *sf.* Vorontsilozavavy.

DINDON, *sm.* 1° Vorontsilozalahy. 2° *fig.* C'est un—. Olona donána velona, — taraiky izy. Il en sera le—. Ho voafitaka amin' izany izy.

DINDONNEAU, *sm.* Zana-borontsiloza.

DÎNER, *vn.* Misakafo. S'il ne vient à l'heure, il dinera par cœur. Raha tsy tonga amy ny fotoana izy, dia *hisakafo* rivotra.

DÎNER, *sm.* Sakafo. Apprêter le—. Manamboatra ny *sakafo.*

DÎNETTE, *sf.* Tsikonona, kivarivary, tsivarivary.

DIOCÉSAIN, AINE, *adj.* Ao amy ny fari-tany fehezin' ny eveka.

DIOCÈSE, *sm.* Fari-tany fehezin' ny eveka.

DIPHTONGUE, *sf.* Vakiteny misy feonjana-tsoratra roa mikambana ho iray, diftonga.

DIPLOMATE, *sm.* et *adj.* 1° Mpanao raharaha momba ny fanjakana maro, mpanao politika, mahay mitondra raharaha momba ny fanjakana maro. 2° *fig.* Fetsilahy, mpanao politika.

DIPLOMATIE, *sf.* 1° Fahaizana mitondra raharaha momba ny fanjakana maro, fanaovana politika. 2° *fig.* Faire de la —. Manelanelana, manao politika, mametsy.

DIPLOMATIQUE, *adj.* Momba ny *diplomatie.* || *loc.* Agent—. Mpanao ra-

haraham-panjakana amy ny fanjakana hafa. Corps—. Ny ambasadaoro sy ny mpanao raharaham-panjakana ambony manao raharaha amy ny fanjakana hafa.

DIPLÔME, *sm*. Kase, diploma.— de sage-femme. *Kase, diploman'* ny mpampivelona.

DIRE, *va*. 1° Milaza, manambara, hoy, hono, manasa, miteny. Que me ditesvous de nouveau? Inona no zava-baovao *lazainao* amiko? A qui dites-vous cela? Iza no *ilazanao* izany? Dites-lui que je suis arrivé. *Lazao, ambarao* aminy fa tonga aho. Qui vous dit que j'ai cette intention? Iza no *milaza* aminao fa izany no kasaiko hatao? Vous avez beau —, je n'en crois rien. Na inona na inona *lazainao,* tsy mino aho. Oui, dit-il, je consens. Eny, fa manaiky aho, *hoy* izy. Il part demain, dit-on. Hiala rahampitso, *hono*, izy. Dites-lui de venir ici. *Asaovy* mankaty izy. Qui ne dit mot, consent. Izay tsy *miteny,* manaiky. ‖ *loc*. C'est-à-dire. Izany hoe. Pour ainsi —. Hoatry. Ils sont, pour ainsi —, morts à toutes les joies d'ici-bas. *Hoatry* ny maty izy ireo, raha ny amy ny fifaliana eto an-tany. Cela va sans —. Miharihary izany. Il n'y a pas à —, il faut marcher. Tsy azo lavina, fa tsy maintsy mandeha. Entendre—. Mandre. Faire —. Mampandre, mampilaza. 2° —, Manonona, manao. Cet orateur a bien dit son discours. *Nanonona* tsara ny laha-teniny io mpandaha-teny io. Dites votre leçon. *Ataovy* ny tsianjerinao. — la messe. *Manao* lamesa. 3° —, Manao ho..., mihevitra, hevitra. Que va-t-on — de moi? *Hataon'* ny olona *ho* inona aho? On le dit voleur. *Ataon'* ny olona *ho* mpangalatra izy. Qu'en ditesvous? Ahoana ny *fihevitrao* izany, inona no *hevitrao* amin' izany? Que veut— ce mot? Inona no *hevitr'* izany teny izany? 4° —, Mampiseho, manambara. Sa confusion dit assez qu'il est coupable. Ny fangaihainy *mampiseho,* etc., fa meloka izy.

Se dire, *vpr*. 1° Lazaina, fanao. Cela ne doit point se—. Tsy azo *lázaina* izany. Ce mot ne se dit plus. Tsy *fanao* intsony izany teny izany. 2°—, Manao anakampó hoe. Je me dis que d'autres sont plus malheureux que moi. Izaho *manao anakampó hoe,* misy olona sasany mahantra kokoa noho izaho. 3°—, Manao ny tenany ho..., mihambo.... Il se dit savant. *Manao ny tenany, mihambo ho* mahay izy.

DIRE, *sm*. Filaza. Il est coupable au— des témoins. Meloka izy araka ny *filazan'* ny vavolombelona.

DIRECT, ECTE, *adj*. Mahitsy, tsy miolaka, tsy mivandy, tena, indrindra. Voici le chemin—. Indro ny lálana *mahitsy, tsy miolaka.* Attaque directe. Teny mamely *tsy mivandy*. Ligne directe. *Tena* taranaka. Il descend en ligne directe d'Andrianampoinimerina. *Tena* taranak' Andrianampoinimerina izy.

DIRECTEMENT, *adv*. Mahitsy, mihitsy, tsy miolaka, mamantana, vantana, tsy mivandy, indrindra. Il est allé —à Ambohimanga. *Nihitsy, namantana* tany Ambohimanga izy. J'allai — chez le roi. *Namantana* tany amy ny mpanjaka aho. Il l'a attaqué—. Namely azy *vantana* tamy ny teniny, namely azy tamy ny teny *tsy miolaka, tsy mivandy* izy. Leurs avis sont—opposés. Mifanohitra *indrindra* ny heviny. Les deux pôles sont—opposés. Ny poly roa mifanandrify *indrindra*.

DIRECTEUR, TRICE, *s*. Lehibe, loha, mpitarika, mpitandrina. —d'une société. *Lehibe, loha, mpitarika* amy ny fikambanana. —des travaux. *Mpitandrina* ny mpiasa.

DIRECTION, *sf*. 1° Fizotra, fanondro, fitodika, hitsiny, tandrifiny, lálana. Quelle est la—qu'il a prise? *Nizotra* nankaiza izy? Quelle est la—de l'aiguille aimantée? *Manondro, mitodika* mankaiza ny famantarana avaratra? Mettez la longue-vue dans la—de l'ouest. *Atodiho* miankandrefana ny masolavitra. Regardez dans la—du palais royal. Jereo *hitsiny, tandrifin'* ny rova. Le fleuve a changé de—. Niova *lálana* ny ony. 2°—, Fitarihana, fitondrana, fitandremana. Il est chargé de la—de cette affaire. Adidiny ny *fitarihana,* etc., izany raharaha izany.

DIRIGER, *va*. 1° Mitari-dalana. —quelqu'un dans la forêt. *Mitari-dalana* olona any anaty ala. 2°—, Mampandeha, manatodika, manao hitsiny, mampanandrify. — une armée sur la frontière. *Mampandeha* tafika any amy ny vavatany. Il dirigea ses regards vers la montagne. *Nitodika* nijery ny tendrombohitra izy. Il dirigea ses pas vers le village. *Nihitsy, nanitsy* ny tanána izy. 3°—, Mitarika, mitondra, mitandrina. —une affaire. *Mitarika,* etc., raharaha anankiray. —une compagnie. *Mitarika* fikambanana anankiray.

Se diriger, *vpr.* Mizotra, manondro, mitodika, mihitsy, manitsy. Il s'est dirigé vers l'ouest. *Nizotra, nihitsy* niankandrefana izy. L'aiguille aimantée se dirige vers le nord. *Manondro, mitodika* mianavaratra ny famantarana avaratra. Il s'est dirigé vers le palais royal. *Nihitsy, nanitsy* ny rova izy.

DIRIMANT, ANTE, *adj.* Mahafoana ny fanambadiana. Empêchement—. Fisakanana *mahafoana ny fanambadiana.*

DISCERNEMENT, *sm.* 1° Fahitana, fahalalana. Il a beaucoup de—. *Mahita* mazava, *mahalala* tsara izy. 2°—, Fanavahana. Faire le—des innocents et des coupables. *Manavaka* ny tsy manantsiny amy ny olo-meloka.

DISCERNER, *va.* 1° Mahita mazava, mahalala tsara. L'obscurité empêche de —les objets. Ny haizina misakana *tsy ahitana mazava* ny zavatra. —ce qui est honnête. *Mahalala tsara* izay mety. 2°—, Manavaka. —le vrai du faux. *Manavaka* ny marina amy ny diso.

Se discerner, *vpr.* Hita, fantatra. Le mérite se discerne aisément. Mora *hita,* etc., ny fahamendrehan' ny olona.

DISCIPLE, *sm.* Mpianatra. Les disciples de Jésus-Christ. Ny *mpianatry* Jeso-Kristy.

DISCIPLINABLE, *adj.* Azo fehezina, azo ampanekena. Cet homme n'est pas—. Tsy *azo fehezina,* etc., io lehilahy io.

DISCIPLINAIRE, *adj.* Momba ny fifehezana.

DISCIPLINE, *sf.* 1° Fampianarana, fitondrana, fitarihana. Vous êtes sous la —d'un bon maître. *Ampianarina, entina, tarihin'* ny mpampianatra tsara hianao. 2°—, Fifehezana. Affermir la—militaire. Manamafy ny *fifeheza*-miaramila. 3°—, Kotopia. Se donner la—. Mikapo-tena amy ny *kotopia.*

DISCIPLINÉ, ÉE, *p.* et *adj.* Tsara fehy, fehezina, ampanekena, manaiky. Cette école est bien disciplinée. *Tsara fehy, manaiky* tsara izany sekoly izany.

DISCIPLINER, *va.* Mifehy, mampanaiky. —les soldats. *Mifehy,* etc., ny miaramila.

Se discipliner, *vpr.* Manaiky, manaraka ny fifehezana. Cette armée commence à se—. Vao *manaiky,* etc., ireo miaramila ireo.

DISCONTINUATION, *sf.* Fijanonana, fitsaharana, fiatoana. Il travaille sans —. Miasa tsy misy *fijanonana,* etc., izy.

DISCONTINUER, *va.* Mampijanona, mampitsahatra, manatsahatra, mampiato. Il a discontinué ses études. *Najanona, natsahany* ny fianarany.

—, *vn.* Mijanona, mitsahatra, miato. La pluie ne discontinue pas. Tsy *mijanona,* etc., ny ranonorana. Voy. Cesser.

Se discontinuer, *vpr.* Mijanona, mitsahatra, miato.

DISCONVENIR, *vn.* Mandá. Je n'en disconviens pas. Tsy *mandá* izany aho.

DISCORDANCE, *sf.* 1° Tsy fifanaraham-peo. Il y a—dans le chant. *Tsy mifanaraka* ny *feo* amy ny hira. 2° *fig.* Tsy fifanarahana. Il y a entre eux—d'opinions. *Tsy mifanaraka* ny hevitr' izy ireo.

DISCORDANT, ANTE, *adj.* 1° Tsy mifanara-peo, ratsy. Harmonium—. Armonia *tsy mifanara-peo.* Il a une voix discordante. *Ratsy* feo, manao sakalahim-peo izy. 2° *fig.* Tsy mifanaraka. Leurs caractères sont discordants. *Tsy mifanaraka* ny toe-panahin' izy ireo.

DISCORDE, *sf.* Tsy fifanarahana, ady. La—règne dans cette famille. *Tsy* misy *fifanarahana* amin' izany fianakaviana izany. Les discordes civiles ruinent les États. Ny *tsy fifanarahana,* ny *ady* an-trano mandrava fanjakana. Pomme de—. Fototry ny *tsy fifanarahana,* etc.

DISCOUREUR, EUSE, *s.* 1° Be taria, be teny, mpilaza antsanga tsy aman' orana. 2°—, Mandaha-teny, mitory teny, miresaka. C'est un beau—. Mahay *mandaha-teny,* etc., izy.

DISCOURIR, *vn.* 1° Mandaha-teny, miresaka. Il aime à—. Tia *laha-teny, resaka* izy. 2°—, Be taria, be teny, milaza antsanga tsy aman' orana. Il ne fait que —. *Be taria,* etc., izy.

DISCOURS, *sm.* 1° Teny, resaka. Son père mourant lui adressa ce—. Nony ho faty rainy, dia *niteny* taminy hoe. Changeons de—. Ovao ny *resatsika.* 2°—, Laha-teny, toriteny. Le général adressa ce—à ses soldats. Ny jeneraly nanao izao *laha-teny* izao tamy ny miaramilany. Le prédicateur a prononcé un beau—. Ny mpitory teny nanao *toriteny* tsara.

DISCRÉDIT, *sm.* 1° Fihenám-bidy. Cette marchandise est tombée en—. *Ni-*

hem-bidy izany varotra izany. 2°—, Tsy fahatokiana, tsy fitiavana, tsy finoana. Ce marchand est en—. *Tsy mahatoky* intsony io mpivarotra io. Il est en—auprès du roi. *Tsy tian'* ny mpanjaka intsony izy. Cette opinion est en—. *Tsy inoana* intsony izany hevitra izany.

DISCRÉDITER, *va.* Manazimba, mampihem-bidy. —une marchandise. *Manazimba* varotra, *mampihena vidim*-barotra.

Se discréditer, *vpr.* Mihem-bidy.

DISCRET, ÈTE, *adj.* 1° Mahalala onony, —fetra, malina. Il est — dans ses demandes. *Mahalala onony, —fetra* amin' izay angatahiny izy. 2°—, Mahatam-bava, mafy vava. C'est un ami—. Sakaiza *mahatam-bava,* etc., izy.

DISCRÈTEMENT, *adv.* Amim-pahamalinana. Parler—. Miteny *amim-pahamalinana.*

DISCRÉTION, *sf.* 1° Fahalalana onony, —fetra, fahamalinana. Il agit sans —. Tsy *mahalala onony,* tsy *mahalala fetra,* tsy *malina* amin' izay ataony izy. Son zèle est sans—. Tsy misy *fahamalinana* ny fahazotoany. 2°—, Fahatanam-bava. Il est d'une — éprouvée. *Mahatam-bava* tokoa izy. ‖ *loc.* Se mettre à la — de quelqu'un. Manolotena mba hanao ny sitra-pon' olona.

À discrétion, *loc. adv.* Amim-panaranam-po. On leur donna du vin à—. *Nampanaranim-po* tamy ny divay izy ireo. ‖ *loc.* Se rendre à—. Mitolo-batana Les vaincus se rendirent à—. *Nitolo-batana* ny resy.

DISCRÉTIONNAIRE, *adj.* Tsy misy fetra. Pouvoir—. Fahefana *tsy misy fetra.*

DISCULPER, *va.* Manala tsiny. Ses amis l'ont disculpé. *Nanala tsiny* azy ny sakaizany.

Se disculper, *vpr.* Miala tsiny.

DISCUSSION, *sf.* 1° Ady hevitra, fandinihana. Quel est le sujet de votre —? Inona no *iadianareo hevitra*? La—de la loi a commencé. Vao natomboka ny *ady hevitra* momba ny lalána, ny *fandinihana* ny laláua. 2° —, Fanditra, ifandirana. Cela est sujet à—. Zavatra *iadiana, ifandirana* izany. Ils sont toujours en —. *Mifanditra* lalandava izy ireo.

DISCUTABLE, *adj.* Azo iadiana, — ifandirana.

DISCUTER, *va.* Miady hevitra, mandinika. Discutons, et ne disputons pas. Aoka *hiady hevitra, handinika* isika, fa tsy hifanjihitra. Comme Débattre.

Se discuter, *vpr.* Dinihina. Le projet se discute. *Dinihina* ny zavatra kasaina hatao

DISERT, ERTE, *adj.* Mora mandahateny.

DISETTE, *sf.* 1° Tsy fahampiana. Il y a — de blé. *Tsy ampy* ny varim-bazaha. ‖ *loc.* Année de—. Taon-tsarotra. 2° *fig.* Tsy fahampiana. Il y a dans cette langue une grande — de mots. *Tsy ampy* be ny teny amin' izany fiteny izany.

DISEUR, EUSE, *s.* 1° Mpilaza. — de riens. *Mpilaza* antsanga tsy aman'orana. — de sornettes. *Mpilaza* angano. 2° —, Mpiangesongeso fiteny. C'est un beau —. *Mpiangesongeso fiteny* izy.

DISGRÂCE, *sf.* 1° Tsy fitiavana, ngidinkoditra. Il a encouru la — du prince. *Tsy tian'* ny mpanjaka intsony, *mangidy hoditra* amy ny mpanjaka izy. Comme Défaveur. 2°—, Fahoriana, loza. Il a éprouvé bien des disgrâces. Azon'ny *fahoriana,* etc., matetika izy.

DISGRACIÉ, ÉE, *adj.* 1° Tsy tiana intsony, mangidy hoditra. 2° —, Ratsy tarehy, ratsy bika. Elle est disgrâciée de la nature. *Ratsy tarehy,* etc., izy.

DISGRACIER, *va.* Tsy tia intsony. Le roi l'a disgracié. *Tsy tia* azy *intsony* ny mpanjaka.

DISGRACIEUSEMENT, *adv.* Aminkasosorana.

DISGRACIEUX, EUSE, *adj.* 1° Ratsy tarehy, ratsy bika. Elle n'a rien de—. Tsy *ratsy tarehy,* tsy *ratsy bika* izy. 2° —, Mahasosotra. Il lui a fait un accueil —. Nandray azy tamin-*kasosorana* izy.

DISJOINDRE, *va.* Mampisaraka, mampihataka. La chaleur a disjoint les planches de la table. Ny hainandro *nampisaraka,* etc., ny hazo fisaka amy ny latabatra.

Se disjoindre, *vpr.* Misaraka, mihataka.

DISJOINT, OINTE, *p.* et *adj.* Voasaraka, nosarahina, tafasaraka, misaraka, nahataka, mihataka.

DISLOCATION, *sf.* 1° Fipitsohana, fioretana. 2° —, Fandravana, faharavana.

DISLOQUÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Napitsoka, nipitsoka, nioritra. 2° —, Rava, noravana.

DISLOQUER, *va.* 1° Manapitsoka, mampipitsoka, mampioritra. 2° —, Man-

drava. — une machine. *Mandrava* milina. Cette défaite disloqua l'armée. Izany faharesena izany *naharava* ny tafika.

Se disloquer, *vpr.* 1° Mipitsoka, mioritra. Il s'est disloqué le bras. *Nipitsoka*, etc., ny sandriny. 2°—, Rava, efa ho rava. La machine s'est disloquée. *Rava* ny milina. Le royaume se disloque. *Efa ho rava* ny fanjakana.

DISPARAÎTRE, *vn.* 1° Tsy miseho intsony, tsy hita intsony. Bientôt le rivage disparut à nos yeux. Nony afaka kelikely, *tsy niseho intsony, tsy hitanay intsony* ny moron-drano. Mon argent a disparu. *Tsy hita* ny volako. 2°—, Lasana, miala, mandositra. Les ennemis ont disparu. *Lasana, niala, nandositra* ny fahavalo. L'oiseau a disparu de sa cage. *Lasana* tao an-tranony, *niala* tamy ny tranony ny vorona. 3°—, Rava, levona. Le pont a disparu. *Rava* ny tetezana. Les anciens usages ont disparu. *Levona* ny fanao taloha.

DISPARATE, *adj.* Tsy mifanaraka. Ornements disparates. Haingo *tsy mifanaraka.*

DISPARITÉ, *sf.* Tsy fitoviana. Il y a entre eux—d'âge. *Tsy mitovy* taona izy ireo.

DISPARITION, *sf.* 1° Tsy fisehoana intsony, tsy fahitana—. La—de l'étoile mit les Mages dans l'incertitude. Ny *tsy nisehoan'* ny kintana *intsony* nampisalasala ny Majy. 2°—, Fialana, fandosirana.

DISPARU, UE, *p.* et *adj.* 1° Tsy miseho intsony, tsy hita intsony. 2°—, Lasa, niala, nandositra. Le jour est—. *Lasa* ny andro.

DISPENDIEUX, EUSE, *adj.* Mahalany be. Entreprise dispendieuse. Raharaha *mahalany be.*

DISPENSAIRE, *sm.* Trano famoahampanafody.

DISPENSATEUR, TRICE, *s.* Mpizarazara.

DISPENSATION, *sf.* Fizarazarana.

DISPENSE, *sf.* Fanafahana amy ny lálana, lálana. Il a eu sa — de Rome. Nahazo *lálana* tamy ny Papa izy.

DISPENSÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Afaka, nahazo lálana. 2°—, Voazarazara, nozarazaraina.

DISPENSER, *va.* 1° Manafaka, manome lálana. On l'a dispensé du service militaire. *Afaka* tsy ho miaramila izy. L'évêque m'a dispensé du jeûne. Ny eveka *nanome lálana* ahy tsy hifady hanina. 2°—, Aoka hiany. Je vous dispense de me reconduire. *Aoka hiany,* fa aza aterina aho. 3°—, Mizarazara. Il dispense équitablement les bienfaits du prince. *Mizarazara* araka ny mety ny soa avy amy ny mpanjaka izy.

Se dispenser, *vpr.* Tsy..., avela. Je me suis dispensé de le visiter. *Tsy* namangy azy aho. Je ne saurais m'en—. Tsy azoko *avela* izany.

DISPERSÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Voaely, naely, miely, voahahaka, nahahaka, mihahaka, voapariaka, napariaka, mipariaka, voaparitaka, naparitaka, miparitaka. 2° —, Voazarazara, nozarazaraina, mizarazara, natokotoko, mitokotoko.

DISPERSER, *va.* 1° Manely, mampiely, manahaka, mampihahaka, manapariaka, mampipariaka, manaparitaka, mampiparitaka. —des débris. *Manely, manahaka, manaparitaka* potipoti-javatra. — un troupeau de bœufs. *Mampiely, mampihahaha, mampipariaka, mampiparitaka* omby. —une armée. *Mampipariaka, mampiparitaka* tafika. 2° —, Mizarazara, manokotoko. —des soldats dans différents villages. *Mizarazara,* etc., miaramila amy ny vohitra samihafa.

Se disperser, *vpr.* Miely, mihahaka, mipariaka, miparitaka. La foule se dispersa. *Niely,* etc., ny vahoaka.

DISPERSION, *sf.* Fanelezana, fampielezana, fielezana, fiely, fanahafana, fihahafana, fihahaka, fanapariahana, fipariahana, fipariaka, fanaparitahana, fiparitaka.

DISPONIBILITÉ, *sf.* Officier en —. Comme OFFICIER DISPONIBLE.

DISPONIBLE, *adj.* 1° Azo omen-draharaha, tsy manan-draharaha. Officier —. Manamboninahitra *azo omen-draharaha,* etc. 2°—, Azo alaina, azo omena, azo anaovan-draharaha. J'ai cent piastres disponibles Manana ariary zato izay *azo alaina,* etc., aho.

DISPOS, *adj.* Mailaka, mavitrika, matanjaka, salama.

DISPOSÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Nalahatra, milahatra, voalamina, nalamina, milamina, voavoatra, namboarina, voarindra, narindra, mirindra, voalanto, nalanto, milanto. 2°—, Miomana, mivonona, mikasa, tia. Je ne suis pas — à tra-

vailler. Tsy *te*-hiasa aho. Etre bien — pour quelqu'un. *Tia* olona. Etre mal — pour quelqu'un. Tsy *tia* olona.

DISPOSER, *va*. 1° Mandahatra, mandamina, manamboatra, mandrindra, mandanto. Dieu a merveilleusement disposé toutes les parties de l'univers. Mahagaga ny *nandaharana*, etc., Andriamanitra ny zavatra rehetra amin' izao tontolo izao. Il a bien disposé ses troupes. *Nandahatra* tsara ny miaramilany izy. —une chambre. *Manamboatra* efi-trano. Il a bien disposé les diverses parties de son discours. *Nandahatra*, etc., tsara ny zavatra samihafa ao amy ny laha-teniny izy. 2°—, Mampiomana, mamporisika. —quelqu'un à la mort. *Mampiomana* olono ho amy ny fahafatesana. Je l'ai disposé à bien vous recevoir. *Nampiomana*, etc., azy mba handray anao tsara aho.

—, *vn*. 1° Mahafoy, manome, mivarotra. Il a disposé de sa maison. *Nahafoy, nanome, nivarotra* ny tranony izy. 2° —, Manao izay tiany, manaram-po. Vous pouvez — de moi. Mahazo *manao izay tianao* amiko hianao. Il dispose de tout dans la maison. *Manaram-po* amy ny zavatra rehetra ao an-trano izy. 3°—, Mandidy, mandahatra. L'homme propose, Dieu dispose. Fikasana no an' olombelona, fa ny *didy, lahatra* an'Andriamanitra.

Se disposer, *vpr*. Miomana, mivonona, mikasa. Il se dispose à partir. *Miomana*, etc., handeha izy.

DISPOSITIF, *sm*. Zavatra voadidy.

DISPOSITION, *sf*. 1° Fandaharana, filaharana, fandaminana, filaminana, fanamboarana, fandrindrana, firindra, fandantoana, filantoana. La—des diverses parties de la maison est mauvaise. Ratsy ny *nandaharana*, ny *nandaminana* ny zavatra samihafa amy ny trano. 2°—, Fiomanana, fivononana, fikasana. Il fait ses dispositions pour partir. *Miomana, mivonon*-kandeha izy. Il est dans la—de s'en aller. *Mikasa* hiala izy. 3°—, Fanaovana izay tiana, fanaranam-po. Tout est à sa — dans la maison. Ny zavatra rehetra ao antrano azony *anaovana izay tiany, anaranam-po*. 4°—, Zavatra voadidy, farahafatra. Les dispositions de la loi sont claires. Mazava ny *zavatra voadidin'* ny lalána. Avant de mourir il a écrit ses dernières dispositions. Talohan' ny nahafatesany dia nanoratra ny *farahafany* izy. 5°—, Toetry ny tena, hasalamana, toe-tsaina, hevitra, fitiavana. Il est en bonne—. Tsara ny *toetry ny tenany, salama* tsara izy. La—des esprits change facilement. Mora miova ny *toe-tsain'* ny olona, ny *hevitry* ny olona. Sondez ses dispositions. Tsapao ny *toe-tsainy*, ny *heviny*. Il est dans de bonnes dispositions à votre égard. Momba anao ny *toe-tsainy*, ny *heviny, tia* anao izy. 6°—, Fahamorana, fahalakiana, fahafainganan-tsaina. Il a de grandes dispositions à l'étude. *Mora, malaky* mahay, *haingan-tsaina* amy ny fianarana izy. Cet enfant a des dispositions. *Haingan-tsaina* io zazalahy io. ‖ *loc*. La taille de cet enfant a quelque—à se contourner. Mila hiolana ny vatan'io zaza kely io.

DISPROPORTION, *sf*. Tsy fifanarahana, tsy fitoviana.

DISPROPORTIONNÉ, ÉE, *adj*. Tsy mifanaraka, tsy mitovy. Leurs âges sont disproportionnés. *Tsy mifanaraka* ny taonan' izy ireo. Ces partages sont disproportionnés. *Tsy mitovy* izao fizarana izao.

DISPUTABLE, *adj*. Azo toherina, azo lavina. Comme CONTESTABLE.

DISPUTAILLER, *vn*. Mifanjihitra, manao ady antsanga. Comme CHAMAILLER.

DISPUTE, *sf*. Fifandirana, fanditra, fifanjihirana, fanjihitra, ady vava, ady hevitra. Voy. CONTESTATION.

DISPUTÉ, ÉE, *p*. Ifaninanana, iadiana. La victoire a été longtemps disputée. *Nifaninanana*, etc., ela ny fandresena.

DISPUTER, *vn*. 1° Mifanditra, mifanjihitra, miady vava, miady hevitra. Ils ont longtemps disputé. *Nifanditra, nifanjihitra, niady vava* ela izy ireo. Ils disputent sur la religion. Ny fivavahana no *iadian'* izy ireo *hevitra*. 2°—, Mifaninana. —de vitesse à la nage. *Mifaninana* izay ho tonga aloha amy ny filomanosana.

—, *va*. Mifaninana, mitady, miady, manohitra. Il lui disputait le prix. *Nifaninana* taminy mba hahazo valisoa izy. Il vous le dispute en science. *Mifaninana* aminao izy raha ny fahaizana no heverina. Il lui disputait le pas. *Nitady* hisalovana azy izy. —l'empire. *Miady* fanjakana. —sa vie. *Miady, manohitra* mba hanavotra aina. —le terrain. *Miady* mafy, *manohitra* mafy.

Se disputer, *vpr.* 1° Mifanditra, mifanjihitra, miady vava. Ils se disputent sans cesse. *Mifanditra,* etc., lalandava izy ireo. 2° —, Mifaninana, miady, mifarombaka, mihambo, midodaka. Les deux armées se disputèrent longtemps la victoire. *Niady* ela izay handresy ny tafika roa tonta. Se — des fruits. *Mifarombaka* voankazo. Se — le trône. *Miady* fanjakana. Plusieurs villes se disputent l'honneur de lui avoir donné le jour. Tanána maro no *mihambo, midedaka* ho loharano nisehoany.

DISPUTEUR, EUSE, *s.* Mpifanditra, mpifanjihitra, mpiady vava.

DISQUE, *sm.* Antsipiben'ny ntaolo, zavatra vorivory, tavaben' ny astra lehibe. Le — du soleil. Ny *tavaben'* ny masoandro.

DISSECTION, *sf.* 1° Fandidiam-paty. 2° *fig.* Fandinihana.

DISSEMBLABLE, *adj.* Samihafa, tsy mitovy.

DISSEMBLANCE, *sf.* Tsy fitoviana.

DISSÉMINATION, *sf.* Fampielezana, fielezana, fampihahafana, fihahafana.

DISSÉMINER, *va.* 1° Mampiely, mampihahaka. Le vent dissémine les graines de certains végétaux. Ny rivotra *mampiely,* etc., ny voan-java-maniry sasany. 2° *fig.* Manely, mampiely. — des erreurs. *Manely,* etc., hevi-diso. 3° —, Mizarazara, manokotoko. On dissémina des troupes dans les différentes villes de la province. *Nozarazaraina, natokotoko* tao amy ny vohitra samihafa amin'izany fari-tany izany ny miaramila sasany.

Se disséminer, *vpr.* Miely, mihahaka.

DISSENSION, *sf.* Tsy fifanarahana, ady. Comme Discorde.

DISSENTIMENT, *sm.* Fisarahan-kevitra, fisarahan-tsaina.

DISSÉQUER, *va.* 1° Mandidididy faty. —un cadavre. *Mandidididy faty.* —un chien. *Mandidididy fatin'* alika. 2° *fig.* Mandinika. —un livre. *Mandinika* boky.

DISSÉQUEUR, *sm.* Mpandidy faty.

DISSERTATION, *sf.* Laha-teny misy fandinihan-javatra anankiray.

DISSERTER, *va.* Manao laha-teny misy fandinihana zavatra anankiray.

DISSIDENCE, *sf.* Fisarahan-kevitra.

DISSIDENT, ENTE, *adj.* et *s.* Misarakevitra amy ny be sy ny maro.

DISSIMILITUDE, *sf.* Tsy fitoviana.

DISSIMULATION, *sf.* Fanafenan-kevitra.

DISSIMULÉ, ÉE, *adj.* 1° Manafin-kevitra, manao an-kifonofono, manao am-po. C'est une personne dissimulée. *Manafina ny heviny,* etc., izy. 2° —, Miafina. Colère dissimulée. Hatezerana *miafina.*

—, *sm.* Mpanafin-kevitra, mpanao an-kifonofono, mpanao am-po.

DISSIMULER, *va.* 1° Manafina, manakona. Il dissimule sa rancune. *Manafina* ny lolom-pony izy. Son manteau dissimule les défauts de son corps. Ny kapaotiny no *manakona* ny kilema amy ny vatany. 2°—, Mody tsy mahita. — un affront. *Mody tsy mahita* fanesoana.

—, *vn.* Manafin-kevitra, manao an-kifonofono, manao am-po.

Se dissimuler, *vpr.* 1° Afenina, takonana. Sa joie ne peut se—. Tsy azo *afenina,* tsy *takona* afenina ny hafaliany. 2°—, Tsy mahita, tsy mahalala. Je ne me dissimule pas qu'il y aura des difficultés. *Hitako, fantatro* fa ho sarotra izany. 3°—, Mamitsaka, miala mitsaitsaika.

DISSIPATEUR, TRICE, *s.* Mpandany harena.

DISSIPATION, *sf.* 1° Fandaniana foana. Il s'est ruiné par ses dissipations. Nihabotry noho ny *nandaniany foana* ny hareny izy. 2°—, Fanaranam-po, filalaovana, fialan-tsasatra, fanarian-dia, fihahakahafan-kevitra. Il vit dans la—. *Manaram-po, milalao* izy. Il vous faut un peu de—. Tokony *hilalao, hiala sasatra, hanary dia* hianao.

DISSIPÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Nisava, napariaka, nipariaka, naparitaka, niparitaka, rava, noravana, nitsahatra. 2°—, Lany foana, nolanina foana. 3°—, Manaram-po, milalao, mihahakaha-kevitra. Il a l'esprit —, il est—. *Mihahakaha-kevitra* izy.

DISSIPER, *va.* 1° Mampisava, mampipariaka, mampiparitaka, mandrava, mampitsahatra. Le vent a dissipé les nuages. Ny rivotra *nampisava* ny rahona. —une armée. *Mampipariaka, mampiparitaka* tafika. —des attroupements. *Mandrava* ny fivorian' ny mpitabataba, *mampipariaka, mampiparitaka* ny mpitabataba. —de faux bruits. *Mampitsahatra* tsaho. Vos paroles ont dissipé mes craintes. Ny teninao *nampitsahatra* ny tahotro. 2°—, Mandany foana. Il a dissipé tout son bien. *Nandany foana* ny fananany rehetra izy. 3°—, Mahafa-tsasatra, mahavery dia, mampihahakaha-kevitra. Ce jeu dissipe

l'esprit. *Mahafa-tsasatra* ny saina izany tsilalao izany. Ce voyage a dissipé sa douleur. *Nahavery dia* ny alahelony izany dia nalehany izany.

Se dissiper, *vpr.* 1° Misava, mipariaka, miparitaka, rava, mirava, mitsahatra. Le brouillard se dissipe. *Misava* ny zavona. 2°—, Lanína foana. 3°—, Manaram-po, milalao, miala sasatra, manary dia, mihahakaha-kevitra.

DISSOLU, UE, *adj.* 1° Karandahy, karambavy, angatra, akangavavy. C'est une femme dissolue. *Karambavy, angabavy, akangavavy* izy. 2°—, Vetaveta, mahamenatra. Il tient des propos dissolus. Manao resaka *vetaveta*, etc., izy.

DISSOLUBLE, *adj.* 1° Azo levonina, mety levona. Ce métal est—. *Azo levonina* io metaly io. Le sel est — dans l'eau. *Mety levona* amy ny rano ny sira. 2° *fig.* Azo sarahina. Ce mariage est—. *Azo sarahina* izany fanambadiana izany.

DISSOLUTION, *sf.* 1° Fandevonana, fahalevonana. Faire une—. *Mandevona* zavatra. Une — de savon. Savony *nolevonina*. Tomber en—. *Mihalevona.* 2° *fig.* Fandravana, firavana, fampisarahana, fisarahana. Le roi prononça la — de l'assemblée. Ny mpanjaka *nandrava* ny fivoriana. 3° —, Fitondran-tena ratsy, fijangajangana. Il vit dans la —. Manao *fitondran-tena ratsy* izy.

DISSOLVANT, ANTE, *adj.* et *sm.* Mandevona, mahalevona.

DISSONANCE, *sf.* Tsy fifanaraham-peo.

DISSONANT, ANTE, *adj.* Tsy mifanara-peo.

DISSOUDRE, *va.* 1° Mandevona. L'eau dissout le sucre. Ny rano *mandevona* ny siramamy. 2° *fig.* Mandrava, mampisaraka. —une assemblée. *Mandrava* fivoriana. —un mariage. *Mampisaraka* fanambadiana.

Se dissoudre, *vpr.* 1° Mihalevona. Ce cadavre se dissout. *Mihalevona* io faty io. 2° *fig.* Rava, misaraka. Cet empire allait se—. Efa ho *rava* tamin' izay izany fanjakana izany.

DISSOUS, OUTE, *p.* et *adj.* 1° Levona, nolevonina. 2° *fig.* Rava, noravana, voasaraka, nosarahina.

DISSUADER, *va.* Misakana mba tsy..., mamporisika mba tsy.... On l'a dissuadé de partir. *Nosakanana mba tsy* handeha izy.

DISSYLLABE, *adj.* et *sm.* Teny misy vakiteny roa.

DISTANCE, *sf.* 1° Elanelana, halavirana, fifanalavirana, lálana. En écrivant, on doit mettre une — entre les mots. Tsy maintsy hasiana *elanelana* amy ny teny, raha manoratra. De Jésus-Christ à Constantin il y a une—de trois cents ans. Hatraminy Jeso-Kristy ka hatraminy Konstantina dia nisy *elanelana* telon-jato taona. Quelle—y a-t-il d'ici à Tamatave? Hoatrinona no *halavirana, fifanalavirany* Toamasina sy eto? Le village est à peu de—. Tsy *lavitra* loatra ny tanána. Le village est à une —de trois jours de marche. *Lálana* hateloana ny mankany amin' izany tanána izany. 2° *fig.* Elanelana. Une— infinie sépare le Créateur de la créature. *Elanelana* tsy azo oharina no mampisaraka ny Mpahary sy ny noharina. ‖ *loc.* Tenir à—. Misakana mba tsy hanatona. Le général tenait l'ennemi à—. Ny jeneraly *nisakana* ny fahavalo *mba tsy hanatona.* L'amour rapproche les distances. Ny fifankatiavana mampifanatona izay samihafa toetra.

DISTANT, ANTE, *adj.* Misy elanelana, misy halavirana, lavitra, mifanalavitra.

DISTILLATEUR, *sm.* Mpanasitily.

DISTILLATION, *sf.* Fanasitiliana.

DISTILLATOIRE, *adj.* Fanasitiliana.

DISTILLER, *va.* 1° Manasitily. —de l'eau de mer. *Manasitily* ranomasina. — du vin pour en faire de l'eau-de-vie. *Manasitily* divay ho tonga lodivý. 2° *fig.* Mampiseho, mamosaka. —sa rage. *Mampiseho,* etc., ny haromotany.

—, *vn.* Miteté. L'eau distille de la voûte de la grotte. Ny rano *miteté* avy amy ny andohalambon' ny lava-bato.

Se distiller, *vpr.* Sitilína.

DISTILLERIE, *sf.* Trano fanasitiliana.

DISTINCT, INCTE, *adj.* Samihafa, miavaka, mazava, hita mazava, re mazava. Ce sont deux choses entièrement distinctes. Zavatra roa *samihafa* indrindra ireo. Ces deux couleurs sont bien distinctes. *Miavaka* tsara ireo volon-javatra roa ireo. Il a une voix distincte. *Mazava* feo izy.

DISTINCTEMENT, *adv.* Mazava. Prononcer—. Manonona *mazava.*

DISTINCTIF, IVE, *adj.* Mampahafantatra, ahafantarana.

DISTINCTION, *sf.* 1° Fanavahana, fiavahana. Il sait faire la — du bien et du mal. Mahay *manavaka* ny tsara sy ny ratsy izy. Cette Bible a été imprimée sans — de versets. Tsy *voavaka* ny andininy amin' izany Baiboly izany. || *loc.* Sans—. Ombana, mbamy. Ils furent tous passés au fil de l'épée sans — d'âge ni de sexe. Efa novonoina daholo izy ireo *ombana, mbamy* ny zaza amam-behivavy. 2° —, Fiangarana, fizahan-tavan' olona. Il fait du bien sans — de personnes. Tsy *miangatra*, tsy *mizaha tavan'olona* izy, raha manao soa. 3°—, Voninahitra, flamboniana, fanajana, laza, hatsarana lehibe. Il aime les distinctions. Tia *voninahitra, fiamboniana* izy. Il traite ses amis avec—. Mandray ny sakaizany amin*panajana* izy. C'est un officier de—. Manamboninahitra *malaza* izy. Il a rempli cet emploi avec —. Nahatontosa *tsara dia tsara* izany raharaha izany izy.

DISTINGUÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Hita mazava, re mazava, fantatra, voavaka, navahana. 2° —, Ambony, malaza. Emploi —. Raharaha *ambony*. Homme —. Olona *malaza*.

DISTINGUER, *va.* 1° Mahita mazava, mandre mazava, mampahafantatra, manavaka, mahasamihafa. Le brouillard m'empêche de — la maison. Ny zavona no tsy *ahitako mazava* ny trano. Je distingue le son de la cloche. *Reko mazava* ny feon-dakolosy. Rien ne le distinguait à l'extérieur. Tsy nisy zavatra ivelany *ahafantarana* azy. Il sait— la fausse monnaie d'avec la bonne. Mahay *manavaka* ny vola tsara sy ny ratsy izy. Distinguez les divers sens de ce mot. *Avaho* ny hevitra samihafa izay ao amin' izany teny izany. La raison distingue l'homme des animaux. Ny saina no *manavaka, mahasamihafa* ny olombelona amy ny biby. 2°—, Mahalaza. Vous connaissez l'éloquence qui le distingue. Fantatrao ny fahaizany mandaha-teny izay *mahalaza* azy.

Se distinguer, *vpr.* 1° Hita, re, fantatra, miavaka, samihafa. 2°—, Mahazo laza, malaza, mihamalaza, mahatontosa tsara dia tsara. Il cherche à se—. Mitady *hahazo laza* izy. Il se distingue entre tous ses rivaux. Izy no *malaza* amin' ireo mpiara-mifaninana aminy. Il s'est distingué par sa bravoure. *Nihamalaza* izy noho ny herim-pony. Il se distingue dans sa profession. *Mahatontosa tsara dia tsara* ny raharahany izy.

DISTRACTION, *sf.* 1° Fisarahana, fampisarahana. Sous Napoléon III a eu lieu la—de la Savoie d'avec l'Italie. Tamy ny andro nanjakany Napoléon III no *nampisarahana* any Savoie taminy Italia. 2° *fig.* Fihahafan-kevitra. Il a souvent des distractions. *Mihahakaha-kevitra* matetika izy. 3°—, Fialan-tsasatra, lalao, fanarian-dia. Il est allé à la campagne chercher des distractions. *Lasa niala sasatra, nilalao, nanary dia* any an-tsaha izy.

DISTRAIRE, *va.* 1° Mampisaraka. 2°—, Mangalatra, mamily.—de l'argent. *Mangalatra*, etc., vola. 3° *fig.* Mampihahakaha-kevitra, manolingelina. Il me distrait à tous moments. *Mampihahakaha-kevitra*, etc., aby mandrakariva izy. 4° —. Mahafa-tsasatra, mampilalao, mahavery dia. — un enfant. *Mampilalao* zaza kely. Il cherche à le — de sa douleur. Mitady *hahavery dia* ny alahelony izy.

Se distraire, *vpr.* Miala sasatra, milalao, manary dia.

DISTRAIT, AITE, *p.* et *adj.* 1° Voasaraka, nosarahina. 2°—, Nangalarina, navily. 3°—, Mihahakaha-kevitra, miriorio saina. Élève —. Mpianatra *mihahakaha-kevitra,* etc.

DISTRAYANT, ANTE, *adj.* Mahafatsasatra, mahavery dia.

DISTRIBUER, *va.* Mizarazaza, mitantana, manokotoko, mandahatra, mandamina. — des aumônes. *Mizarazara, mitantana* fiantrana. Des conduits en fonte distribuent l'eau dans la ville. Misy fantsom-by *mizarazara* ny rano ao an-tanána. On a distribué des soldats dans les divers ports de mer. *Voazarazara, voalokotoko* amy ny seranana samihafa ny miaramila sasany. Il a bien distribué les divers chapitres dans son livre. *Nizarazara, nanokotoko, nandahatra, nandamina* tsara ny toko samihafa amy ny bokiny izy. — avec goût les ornements d'un édifice. *Mandahatra, mandamina* tsara ny haingon-trano.

Se distribuer, *vpr.* Zarazaraina, mizarazara, tantanina, mitokotoko.

DISTRIBUTEUR, TRICE, *s.* Mpizarazara, mpitantana.

DISTRIBUTIF, IVE, *adj.* Mizarazara, mandanja, milaza olona tsirairay. *Chacun* est un pronom—. Ny *samy* dia pronaona *milaza olona tsirairay.*

DISTRIBUTION, *sf.* Fizarazarana, fitantanana, tántana, fanokotokoana, fandaharana, fandaminana, filaminana.

DISTRIBUTIVEMENT, *adv.* Tsirairay.

DISTRICT, *sm.* Fari-tany. Un juge ne peut juger hors de son —. Ny mpitsara tsy mahazo mitsara ny any ivelan' ny *fari-taniny.*

DIT, DITE, *adj.* 1° Voalaza, nolazaina, raikitra. Paroles dites en l'air. Teny *voalaza* kitoatoa, — tsy voahevitra. Voilà qui est—. *Raikitra* izany. Il est arrivé a l'heure dite. Tonga tamy ny fotoana *voalaza, raikitra* izy. 2°—, Natao hoe, atao hoe. Louis XIV — le grand. Louis XIV *natao hoe, atao hoe* malaza.

DIT, *sm.* Ohabolana, oha-teny. Les dits des anciens. Ny *ohabolana, oha-tenin'* ny ntaolo.

DIURÉTIQUE, *adj.* et *sm.* Mahabe amany. Remède—. Fanafody *mahabe amany.*

DIURNE, *adj.* 1° Amy ny indray andro. Le mouvement — de la terre. Ny fihodinan' ny tany *amy ny indray andro.* 2°—, Miseho antoandro. Oiseaux diurnes. Vorona *miseho antoandro.*

DIVAGATION, *sf.* Fibedibedena, firediredena.

DIVAGUER, *vn.* Mibedibedy, miredipedy.

DIVAN, *sm.* Karazan-tsaofa tsy misy fiankinana.

DIVERGENCE, *sf.* 1° Fisabáka. 2° *fig.* Fisarahana. — d'opinions. *Fisarahankevitra.*

DIVERGENT, ENTE, *adj.* 1° Misabáka. Lignes divergentes. Tsipika *misabáka.* 2° *fig.* Samihafa, tsy mifanaraka, mifanohitra. Opinions divergentes. Hevitra *samihafa,* etc.

DIVERGER, *vn.* 1° Misabáka. 2° *fig.* Samihafa, tsy mifanaraka, mifanohitra.

DIVERS, ERSE, *adj.* Samihafa. Quels sont les — sens de ce mot? Inona avy no hevitra *samihafa* amin' izany teny izany ? Il a parlé à diverses personnes. Niteny tamy ny olona *samihafa* izy.

DIVERSEMENT, *adj.* Samihafa. Les historiens en parlent—. *Samihafa* ny filazan' ny mpitantara izany.

DIVERSIFIER, *va.* Manovaova, manao maro karazana. Il sait — ses occupations. Mahay *manovaova* ny rahabany izy. — les mets. *Manao* nahandro *maro karazana.*

Se diversifier, *vpr.* Miovaova, samihafa.

DIVERSION, *sf.* 1° Fampiviliana, fiviliana. Il a parlé de nouvelles pour faire —. Nilaza zava-baovao izy mba *hampivily* ny resaka. 2° *fig.* Faire — à sa douleur. Mamery dia ny alahelony.

DIVERSITÉ, *sf.* Tsy fitoviana, ny mahasamihafa. Il y a entre eux grande— d'opinions. *Tsy mitovy* velively, *samihafa* lavitra ny hevitr' izy ireo.

DIVERTIR, *va.* Mampilalao, mampihomehy, mahatsikaiky. — les enfants. *Mampilalao* ny ankizy madinika. Comme Amuser.

Se divertir, *vpr.* Milalao, mihomehy, mananihany. Il se divertissent à jouer à la paume. *Milalao* manao baolina izy ireo. Ne vous divertissez pas à ses dépens. Aza *ilalaovanareo, ihomehezanareo, hanihaninareo* izy.

DIVERTISSANT, ANTE, *adj.* Mampilalao, mampihomehy, mahatsikaiky. Homme—. Lehilahy *mampihomehy, mahatsikaiky.*

DIVERTISSEMENT, *sm.* Lalao, tsilalao, kilalao, filalaovana. La chasse est pour lui un grand—. Ny fihazana no *tsilalao, filalaovana* mahafinaritra azy.

DIVIDENDE, *sm.* 1° Ny marika zaraina. Le — se place à la gauche du diviseur. Ny *marika zaraina* atao eo ankavian' ny mpizara. 2°—, Anjara vola. Je n'ai touché qu'un faible — dans cette banqueroute. Tsy nahazo afa-tsy *anjara vola* kely foana aho tamin' izany bankeroty izany.

DIVIN, INE, *adj.* 1° Maha-Andriamanitra, an' Andriamanitra, momba an' Andriamanitra. Les trois personnes divines. Ny olona telo *maha-Andriamanitra* tokana. La puissance divine. Ny fahefan' *Andriamanitra.* La grâce divine. Ny fahasoavan' *Andriamanitra.* Le culte—. Ny fanajana *an'Andriamanitra.* 2° *fig.* Lavorary, tanteraka, mahagaga.

DIVINATION, *sf.* Faminaniana, fanaovana sikidy, fanaovana hitsakandro, fanandroana.

DIVINATOIRE, *adj.* Momba ny faminaniana, — ny fanaovan-tsikidy, — ny fanaovana hitsakandro, — ny fanandroana. Science —. Fahaizana *maminany, manao sikidy, manao hitsakandro, manandro.*

DIVINEMENT, *adv.* 1° Amy ny herin' Andriamanitra. 2° *fig.* Tsara dia tsara. Il écrit—. Manao laha-teny antsoratra *tsara dia tsara* izy.

DIVINISER, *va.* 1° Manandratra ho andriamanitra. 2° *fig.* Midera be loatra.

DIVINITÉ, *sf.* 1° Ny maha-Andriamanitra. La—du Verbe. Ny *maha-Andriamanitra* ny Teny. 2°—, Andriamanitra. Nier la—. Mandà an' *Andriamanitra*. 3°—. *pl.* Andriamanitra tsizy. Les divinités fabuleuses. Ny *andriamanitra tsizy* ao amy ny angano.

DIVISÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Voazarazara, nozarazaraina, mizarazara, voatokotoko, natokotoko, mitokotoko, . misampana. 2° *fig.* Misara-kevitra, misaraka.

DIVISER, *va.* 1° Mizarazara, manokotoko.— une somme entre plusieurs personnes. *Mizarazara* vola amy ny olona maro. Il divisa l'armée en trois corps. *Nozarazaraina, natokotokony* ho antokony telo ny tafika. 2° *fig.* Mampisarakevitra. mampisaraka. — les esprits. *Mampisara-kevitra*, etc., ny olona.

Se diviser, *vpr.* 1° Mizarazara, mitokotoko, misaraka, misampana. Ils se divisèrent en trois groupes. *Nizarazara, nitokotoko, nisaraka* ho antokony telo izy ireo. Là, le fleuve se divise en deux branches. *Misampana* roa ny ony raha mby ao. 2° *fig.* Misara-kevitra, misaraka. Les juges se divisèrent. *Nisarakevitra* ny mpitsara.

DIVISEUR, *sm.* et *adj.* Marika mpizara.

DIVISIBILITÉ, *sf.* Ny ahazoana zaraina.

DIVISIBLE, *adj.* Azo zaraina, lany zara. Trente est—par cinq. Ny telopolo dia *azo zarain'* ny dimy.

DIVISION, *sf.* 1° Fizarazarana, fizarana, fanokotokoana. La —d'un discours doit être claire. Tsy maintsy hatao mazava ny *fizarana* amy ny laha-teny. Il ne sait pas faire la —. Tsy mahay *fizarana* izy. 2° —, Antokony, antoko-miaramila misy borigedry maro. 3° *fig.* Fisarahan-kevitra, fisarahana. Mettre la — dans une famille. *Mampisara*-pihavanana fianakaviana anankiray.

DIVORCE, *sm.* 1° Fisaoram-bady, saobady, fisarahana amy ny fanambadiana. 2° *fig.* Fisarahana, fahafoizana. Faire— avec le monde *Misaraka* amin' izao tontolo izao, *mahafoy* an' izao tontolo izao.

DIVORCÉ, ÉE, *p.* Nisao-bady, voasaotra, nisaorana, nisaraka. Homme—. Lehilahy *nisao-bady*. Femme divorcée. Vehivavy *voasaotra, nisaorana*.

DIVORCER, *vn.* Misao-bady, misaraka. Ils ont divorcé. *Nisaraka* izy mivady.

DIVULGATION, *sf.* Fanambarana, fampielezana, fielezana.

DIVULGUER, *va.* Manambara, mampiely. — un secret. *Manambara* ny tsiambaratelo. — une nouvelle. *Mampiely* zava-baovao.

DIX, *adj. num.* 1° Folo. Ils sont —. *Folo* lahy izy ireo. — par —. *Tsifolofolo.* — fois. *Impolo.* Je vous l'ai répété plus de — fois. Efa naverimberiko *impolo* kely taminao izany. — jours. *Hafoloana.* Partagez ce gâteau en —. *Foloy* io mofo mamy io. Il est partagé en —. *Voafolo, nofoloina, mifolo* izy. 2°—, Fahafolo. Page —. Takelaka *fahafolo.*

—, *sm.* Folo. Il est parti le — Septembre. Niala tamy ny *folo* Septembra izy.

DIX-HUIT, *adj. num.* 1° Valo amby ny folo. 2°—, Fahavalo amby ny folo. Page —. Takelaka *fahavalo amby ny folo.*

DIX-HUITIÈME, *adj. num.* Fahavalo amby ny folo.

—, *sm.* Ny ampahavalo amby ny folony.

DIX-HUITIÈMEMENT, *adv.* Fahavalo amby ny folo.

DIXIÈME, *adj. num.* Fahafolo. Chapitre —. Toko *fahafolo.* ‖ *loc.* Faire une chose pour la — fois. Manimpolo. Pour la — fois. Fanimpolony.

—, *sm.* Ny ampahafolony. Les trois dixièmes. Ny telo *ampahafolony.*

DIXIÈMEMENT, *adv.* Fahafolo.

DIX-NEUF, *adj. num.* 1° Sivy amby ny folo. 2° —, Fahasivy amby ny folo.

DIX-NEUVIÈME, *adj.* Fahasivy amby ny folo.

—, *sm.* Ny ampahasivy amby ny folony.

DIX-NEUVIÈMEMENT, *adv.* Fahasivy amby ny folo.

DIX-SEPT, *adj. num.* 1° Fito amby ny folo. 2°—, Fahafito amby ny folo.

DIX-SEPTIÈME, *adj.* Fahafito amby ny folo.

—, *sm.* Ny ampahafito amby ny folony.

DIX-SEPTIÈMEMENT, *adv.* Fahafito amby ny folo.

DIZAINE, *sf.* 1° Folo, tokony ho folo. Il a gagné une — de piastres. Nahazo ariary *folo* izy, *tokony ho* ariary *folo*

no azony. 2°—, Folo, ampolony. Alignez bien la colonne des dizaines. Alaharo tsara ny laharan' ny *folo*, etc.

DOCILE, *adj*. Mora manaiky, mora entina. Elève —. Mpianatra *mora manaiky*, etc.

DOCILEMENT, *adv*. Amim-panekena.

DOCILITÉ, *sf*. Fanekena. Il a une grande —. *Manaiky* tsara izy.

DOCK, *sm*. Magazay makadiry fametrahana ny entam-barotra avy amy ny sambo.

DOCTE, *adj*. Mahay, lalina. De doctes leçons. Fampianarana *lalina*.

DOCTEMENT, *adv*. Amim-pahaizana.

DOCTEUR, *sm*. 1° Dokotera, mpahay, mpampianatra. Les docteurs de l'Église. Ireo *dokoteran'* ny Eglizy. — médecin. *Dokotera*. Les docteurs de la loi. Ny *mpampianatra* ny lalàna. 2°—, Ny nahazo ny fitomboka ambony indrindra amy ny onivérsitý. 3° *fig*. Prendre un ton de—. Mihagohago fiteny.

DOCTORAL, ALE, *adj*. 1° Any ny nahazo fitomboka ambony indrindra amy ny onivérsitý. 2° *fig*. Prendre un ton —. Mihagohago fiteny.

DOCTORAT, *sm*. Ambaratonga ambony indrindra amy ny onivérsitý.

DOCTRINAL, ALE, *adj*. Momba ny fampianarana anankiray,

DOCTRINE, *sf*. 1° Fahaizana. Cet homme a beaucoup de—. Be *fahaizana* io lehilahy io. 2°—, Fampianarana. La — de l'Évangile. Ny *fampianaran'* ny Evanje'y.

DOCUMENT, *sm*. Taratasy misy tantara. —filazana, —fanamarinana.

DODU, UE, *adj*. Dongadonga, botrabotra, dobodobony. Enfant—. Zaza kely *dongadonga, botrabotra*. Pigeon—. Voromailala *dobodobony*.

DOGMATIQUE, *adj*. 1° Momba ny finoana, momba ny fampianarana ny finoana. 2° *fig*. Mitompo teny fantatra, mihagohago. C'est un esprit—. *Mitompo teny fantatra* amy ny heviny izy. Il parle d'un ton—. *Mihagohago* fiteny izy.

DOGMATIQUEMENT, *adv*. 1° Araka ny fanao amy ny fampianarana momba ny finoana. 2° *fig*. Amim-pihagohagoana.

DOGMATISER, *va*. 1° Mampianatra hevi-diso. 2°—, Mitompo teny fantatra.

DOGMATISEUR, *sm*. 1° Mpampianatra hevi-diso. 2°—, Mpitompo teny fantatra.

DOGME, *sm*. Teny finoana, finoana. Les dogmes de la foi sont immuables. Tsy azo ovana ny *teny finoana*. Le—de l'immortalité de l'âme se trouve chez tous les peuples. *Inoan'* ny firenena rehetra fa tsy mety maty ny fanahintsika.

DOGUE, *sm*. Bolidaogy.

DOIGT, *sm*. 1° Rantsana, anky, fanondro, tondro. Les doigts de la main. Ny *rantsan*-tànana. Le gros—. Ny *ankibe*. Le petit—. Ny *anky* kely. Le — du milieu. Ny *fanondro* lava, ny *tondro* adala. Les doigts du pied. Ny *rantsan*-tongotra. Le gros — du pied. Ny *ankiben*-tongotra. Le petit — du pied. Ny *anky* kelin-tongotra. Les doigts d'un gant. Ny *rantsan*-gá. 2° *fig*. Voantondro. Cette planche a un — d'épaisseur. *Voantondro* iray ny hatevin' io hazo fisaka io. Donnez-moi un — de vin. Omeo divay *voantondro* iray aho. || *loc*. On y voit le — de Dieu. Hita ao ny tanan' Andriamanitra, lahatr' Andriamanitra izany. Montrer quelqu'un au—. Mihomehy olona eo ampahibemaso. Toucher quelque chose du bout du—. Manendry zavatra. Faire toucher quelque chose du—. Mampiharihary zavatra. Savoir une chose sur le bout du—. Mahay zavatra anankiray tsara dia tsara. Donner sur les doigts à quelqu'un. Mamay, mananatra olona. Il a eu sur les doigts. Nofaizina, nanarina izy. S'en mordre les doigts. Manenina, manaikimolotra, mandray ny kihony. Mettre le —dessus. Maminany, mahita.

À deux doigts, *loc. adv*. 1° Ila hoho, variraiventy. La pierre a passé à deux doigts de sa tête. *Ila hoho*, etc., sisa no tsy nahavoazan' ny vato ny lohany. Il était à deux doigts du précipice. *Ila hoho*, etc., sisa tsy nianjerany tany antevana. 2° *fig*. Ila hoho, variraiventy. Il était à deux doigts de sa perte. *Ila hoho*, etc., sisa tsy nahafatesany.

DOIGTÉ ou **DOIGTER**, *sm*. Fitendry zava-maneno.

DOIGTER, *vn*. Mitendry zava-maneno.

DOIGTIER, *sm*. Fonon-tondro.

DOLÉANCE, *sf*. Taraina, fitarainana, konetaka. Faire ses doléances. *Mitaraina*. Il fait de grandes doléances. Be *taraina, konetaka* izy.

DOLENT, ENTE, *adj*. et *s*. Malahelo, mikonetaka. Il a un air—. *Malahelo* endrika, manjoretra izy. Faire le—. *Mikonetaka*.

DOLLAR, *sm.* Farantsa amerikana, farantsa.

DOMAINE, *sm.* 1° Saha. Il a vendu son—. Nivarotra ny *sahany* izy. 2°—, Ny any.... Le— public. Izay *any* ny fanjakana. Les ports appartiennent au — public. *Any* ny fanjakana ny seranana. ‖ *loc* Tomber dans le —public. Tonga azon' ny olona rehetra atao. 2° *fig.* Ny amy, ny momba. Étendre le — d'une science. Manitatra *ny amy,* etc., ny fahaizana anankiray.

DOMANIAL, ALE, *adj.* Any ny fanjakana. Biens domaniaux. Fananana izay *any ny fanjakana.*

DÔME, *sm.* Tafon-trano boribory misondrotra ao an-tampon' ny trano lehibe.

DOMESTICITÉ, *sf.* 1° Toetry ny mpanompo. 2°—, Fiompiana. La plupart des animaux dégénèrent dans l'état de —. Miharatsy ny ankabiazan' ny biby raha *ompiana.*

DOMESTIQUE, *adj.* 1° Ao an-trano, amy ny fianakaviana. Les travaux domestiques. Ny raharaha *ao an-trano.* Les affaires domestiques. Ny raharahan' *ny fianakaviana.* 2°—, Manompo, fiompy, ompiana. Animal—. Biby *manompo,* etc.

—, *s.* Mpanompo, maromita. Le — est allé au marché. Lasa any an-tsena ny *mpanompo, maromita.*

DOMICILE, *sm.* Fonenana, trano. Changer de —. Mifindra *fonenana, trano.*

À domicile, *loc. adv.* Ao an-trano. La lettre lui a été portée à —. Nentiny taminy *tao an-trano* ny taratasy.

DOMICILIAIRE, *adj.* Visite —. Fisavana ny tranon' olona.

DOMICILIÉ, ÉE, *adj.* Monina. Il est — à Tamatave. *Monina* any Toamasina izy.

DOMICILIER (SE), *vpr.* Maka fonenana. Se — en France. *Maka fonenana* any Frantsa.

DOMINANT, ANTE, *adj.* Lehibe indrindra, arahin' ny be sy ny maro, fototra. Sa vertu dominante est la patience. Ny hatsaram-panahiny *lehibe indrindra* dia ny fandeferana. La religion dominante. Ny fivavahana *arahin' ny be sy ny maro.* Voici l'idée dominante de cet ouvrage. Intý ny *foto*-kevitr' izany boky izany.

DOMINATEUR, TRICE, *s.* et *adj.* Manjaka, manapaka, mandidy, mizaka, milohaloha. Cette nation est la dominatrice des mers. *Manjaka, manapaka, mandidy* ambonin' ny ranomasina izany fanjakana izany. C'est un esprit —. Ta-*hanapaka,* ta-*handidy,* te-*hizakazaka, milohaloha* izy.

DOMINATION, *sf.* Fanjakana, fanapahana, fandidiana, fizakana, filohalohana, fifehezana. Il étendit sa — jusqu'à la mer. Nanitatra ny *fanjakany* hatramy ny ranomasina izy. Il a l'esprit de —. Te-*hanapaka,* te-*handidy,* te-*hizakazaka, milohaloha* izy. Il vit sous la — anglaise. *Fehezin'* ny fanjakana englisy izy. L'âme doit exercer sa — sur le corps. Ny fanahy tsy maintsy *hanjaka* amy ny vatana, *handidy, hifehy* ny vatana.

DOMINER, *vn.* 1° Manjaka, manapaka, mandidy, mizaka, milohaloha, mifehy. Alexandre domina sur l'Asie. Aleksandra *nanjaka, nanapaka, nandidy* any Azia. Il cherche à — partout. Mitady *hanapaka, handidy, hizakazaka, hilohaloha* hatraiza hatraiza izy. La raison doit — sur les passions. Tsy maintsy *hodidiana, hofehezin'* ny saina ny filan-dratsin' ny nofo. 2° *fig.* Miharihary indrindra, re indrindra, arahin' ny be sy ny maro, mihoatra, manerinerina. Le bleu domine dans cette étoffe. Ny manga no *miharihary indrindra* amin'io lamba io. Le sel domine dans cette sauce. Ny sira no *re indrindra* amin'izany lasaosy izany. Sa tête domine au-dessus de la foule. Ny lohany *mihoatra* ny any ny olon-drehetra. Le palais domine sur toute la plaine. Ny lapa no *manerinerina* amy ny tany lemaka rehetra.

—, *va.* 1° Mandidy, mifehy, mampanaraka ambokony. Sa femme le domine. Ny vavy no *mandidy,* etc., azy. 2° *fig.* Manerinerina. La ville domine la plaine. Ny tanána *manerinerina* ao amy ny tany lemaka.

Se dominer, *vpr.* Mahafehy tena.

DOMINICAIN, AINE, *s.* Dominikana.

DOMINICAL, ALE, *adj.* 1° Any ny Tompontsika. Oraison —. Fivavahan' *ny Tompontsika.* 2°—, Momba ny alahady. Lettre dominicale. Litera *milaza ny alahady.*

DOMINO, *sm.* Dômy. Jouer au —. Manao *dômy.*

DOMMAGE, *sm.* Fatiantoka, fanimbana, fahasimbana. Il a éprouvé un

grand—. *Maty antoka* be izy. Les bœufs ont causé un grand — à mes rizières. Ny omby *nanimba* loatra ny variko. ‖ *loc.* Dommages et intérêts. Fanonerana fatiantoka. C'est—. Mampalahelo izany. Ce jeune homme se perd, c'est—. Miharatsy io tovolahy io, ka *mampalahelo* izany.

DOMMAGEABLE, *adj.* Mahafaty antoka, manimba.

DOMPTABLE, *adj.* Azo folahina.

DOMPTER, *va.* 1° Mandresy, mampanaiky. —une nation. *Mandresy*, etc., firenena anankiray. 2°—, Mamolaka. — un cheval. *Mamolaka* soavaly. 3° *fig.* Mandresy, mamolaka. —ses passions. *Mandresy*, etc., ny filan-dratsiny.

Se dompter, *vpr.* Mahafehy tena.

DOMPTEUR, *sm.* Mpamolaka.

DON, *sm.* 1° Fanomezana. Donner en pur—. *Manome* maimaim-poana. Refuser un—. Mandá *fanomezana.* 2° *fig.* Fanomezana, soa, fahasoavana. Les dons du Ciel. Ny *fanomezan'* Andriamanitra, ny *soa,* ny *fahasoavana* avy amin' Andriamanitra. ‖ *loc.* Les dons de la terre. Ny vokatry ny tany. Les dons de la fortune. Ny harena. 3°—, Fahaizana. Il a le — de l'éloquence. *Mahay* mandaha-teny izy.

DONATAIRE, *s.* Ny nomena.

DONATEUR, TRICE, *s.* Mpanome.

DONATION, *sf.* Fanomezana soratana amy ny fanjakana.

DONC, *conj.* 1° Amin' izany, áry. Il respire encore, —il vit. Mbola miaina izy, koa *amin'izany* velona hiany. Ainsi — vous refusez. Koa *amin' izany* lavinao izany. —partons! Andeha *áry* isika! 2°—, Re. Qu'ai-je — fait pour que vous me frappiez? Inona *re* no nataoko ikapohanao ahy? Répondez—. Valio *re.*

DONDON, *sf.* Vehivavy botrefona.

DONJON, *sm.* Tilikambo.

DONNANT, ANTE, *adj.* Mahafoy zavatra. Il n'est pas—. Tsy *mahafoifoy zavatra* izy.

DONNÉE, *sf.* Ahafantarana. J'ai des données certaines. Misy *ahafantarako* marina izany.

DONNER, *va.* 1° Manome, manolotra, mitondra. —un livre. *Manome* boky. Je lui ai donné la permission de sortir. *Nomeko* lálana mba hivoaka izy. Je lui ai donné un congé de trois mois. *Nomeko* fijanonana telo volana izy. Je lui ai donné une caution de mille piastres. *Nomeko* antoka ariary arivo izy. Je vous donne une piastre de votre livre. *Omeko* ariary ny bokinao. —des remèdes. *Manome* fanafody. —le baptême. *Manome* batemy. Donnez-lui la main. *Tolory* tánana izy. —un conseil. *Manome* hevitra. Donnez-leur des chaises. *Tolory, itondray* seza izy ireo. 2°—, Mamely, manisy. —un soufflet. *Mamely*, etc., tahamaina. 3°—, Mametraka, mifidy, manendry. Je vous donne ma parole que je le ferai. *Mametra*teny aminao aho fa hataoko izany. — un chef à des soldats. *Mifidy, manendry* filoha ho any ny miaramila. 4°—, Mandany, mahafoy. Il donne deux heures par jour à ce travail. *Mandany* ora roa isan' andro amin' izany asa izany izy. —sa vie pour ses enfants. *Mahafoy* ny ainy ho any ny zanany. 5°—, Manao, manao ho. —des lois. *Manao* lalána. Quel âge lui donnez-vous? *Ataonao ho* firy taona izy? Je lui donne trente ans. *Ataoko ho* telopolo taona izy. 6°—, Mahavokatra, mamoa, mampahazo, misy. Cette rizière a donné beaucoup cette année. *Nahavokatra* be io tanimbary io tamin' ito. Cet arbre donne beaucoup de fruits. *Mamoa* loatra io hazo io. Son commerce lui donne de quoi vivre. Ny varotra ataony no *ahazoany* fivelomana. Cette fontaine donne beaucoup d'eau. Io fantsakana io *misy* rano betsaka. 7°—, Man..., mi..., manka..., maha..., mampa..., mampi... —la chasse à l'ennemi. *Man*enjika ny fahavalo. —raison à quelqu'un. *Man*aiky ny an' olona ho marina. —un assaut à une ville. *Man*ani-bohitra. —des louanges. *Mi*dera. —la bénédiction. *Mi*tsodrano. —une punition à quelqu'un. *Manka*fay olona. —du courage à quelqu'un. *Manka*hery olona. —de la joie. *Maha*faly. —la mort. *Maha*faty. —la fièvre. *Mampa*navy. —à penser. *Mampi*eritreritra. —des marques, — des preuves, —des témoignages. *Mampi*seho. Il a donné des preuves de son courage. *Nampiseho* herim-po izy. — des témoignages d'amitié. *Mampiseho* fitiavana. ‖ *loc.* —sa main. Manambady. —une poignée de main. Mifandray tánana. —un coup d'épaule. Manampy. —le jour. Miteraka. Il ne donne plus aucun signe de vie. Tsy misy ahafantarana intsony fa velona izy.

—, *vn.* 1° Mamely, miady, midóna, voa, milatsaka. Le soleil donne dans les yeux. *Mamely* ny maso ny masoandro. La cavalerie n'a pas donné. Tsy *namely*, tsy *niady* ny mpitaingin-tsoavaly. Le navire a donné contre le rocher. *Nidòna* tamy ny vatolampy ny sambo. Il a donné dans le piège. *Voan'* ny fandrika izy ; *fig.* voafitaka izy. Les soldats donnèrent dans une embuscade. *Tafalatsaka* tao amy ny otrika ny miaramila. ‖ *loc.* Ne savoir où—de la tête. Tsy mahita izay hatao, sanganehana. very hevitra. 2°—, Manatrika. Ma maison donne sur la place. *Manatrika* ny kianja ny tranoko. 3°—, Vokatra, mamoa. La vigne a donné. *Vokatra, namoa* ny voaloboka. 4°—. Manao. manaram-po. —dans le luxe. *Manao* haingo be loatra. —dans le jeu. *Manaram-po* amy ny tsilalao.

Se donner, *vpr.* 1° Manolo-tena, manokan-tena. Se — à Dieu. *Manolo-tena*, etc.. amin'Andriamanitra. 2°—. Mihambo. Il se donne l'honneur de la victoire. *Mihambo* ho mpandresy izy. Il se donne pour habile. *Mihambo* ho mpahay izy. Se — des airs. *Mihambohambo* foana, manandriandrian-tena foana. ‖ *loc.* Se—de la peine. Misahirana, mihenìnkenina. S'en—à cœur joie, s'en—. Manaram-po. Se—du bon temps. Milalao, manaram-po. Se—de garde. Mitandrina.

DONNEUR, EUSE, *s.* Mpanomeme, mpanolotolotra.

DONT, *pron. rel. inv.* Izay, participe, forme relative. L'affaire—je vous ai entretenu. Ny raharaha *izay* noresahiko taminao. Voici celui—on s'est amusé toute la journée. Indro ilay *nihomehezana* nandritra ny andro. La famille—il est sorti. Ny fianakaviana *nihaviany*.

DORÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Nasiana ankoso-bolamena, misy ankoso-bolamena. 2° *fig.* Mamirapiratra, mavomena. Fruits dorés. Voankazo *mavomena*.

DORÉNAVANT, *adv.* Amy ny ho avy, amy ny sisa. Comme Désormais.

DORER, *va.* 1° Manisy ankoso-bolamena. —des plafonds. *Manisy ankoso-bolamena* ny valin-drihana. 2° *fig.* Mampamirapiratra, manamena. Le soleil dorait la montagne. Ny masoandro *nampamirapiratra* ny tendrombohitra. Le soleil dore les moissons. Ny hainandro *manamena* ny vary. ‖ *loc.*—la pilule. Manambitamby.

Se dorer, *vpr.* Mamirapiratra, mihamena.

DOREUR, EUSE, *s.* Mpanao ankoso-bolamena.

DORLOTER, *va.* Mampihanta. —un enfant. *Mampihanta* zaza.

Se dorloter, *vpr.* Mihantahanta, miangentsangentsana, mikonetaka.

DORMANT, ANTE, *adj.* Monina, mihandrona. Eau dormante. Rano *monina, mihandrona.*

DORMEUR, EUSE, *s.* Mpatory.

DORMIR, *vn.* 1° Matory. —nuit et jour. *Matory* andro aman' alina. —profondément. *Matory* maty. Passer la nuit sans —. Tsy mahita *tory* mandritra ny alina. 2° *fig.* Matory. C'est un conte à—debout. Tantara *mampatory*, mahadikidiky izany. Il devrait faire des démarches, mais il dort. Tokony hiezaka izy, kanjo *matoritory* foana. 3°—, Mandry, tsy mihetsika. Il fait bon pêcher là où l'eau dort. Tsara ny manjono amy ny rano *mandry*, etc. 4°—, Tsy miasa, mijanona. Laisser—ses fonds. Tsy *mampiasa* ny volany. Laisser—une affaire. Mamela raharaha *hijanona*.

DORMITIF, IVE, *adj.* Mampatory.

—, *sm.* Zavatra mampatory.

DORSAL, ALE, *adj.* Amy ny lamosina. L'épine dorsale. Ny hazon-*damosina*, taolan-*damosina*.

DORTOIR, *sm.* Efi-trano fandrian' ny mpianatra.

DORURE, *sf.* 1° Fanaovana ankoso-bolamena. Il entend bien la—. Mahay *manao ankoso-bolamena* izy. 2°—, Ankoso-bolamena. Voilà de belles dorures. Tsara io *ankoso-bolamena* io.

DOS, *sm.* 1° Lamosina, voho, ny andamosina, vody. Le — d'un homme. Ny *lamosin'* olona. Tourner le — à quelqu'un. *Miamboho* olona ; *fig.* miviadika amin' olona. Tourner le — sur le champ de bataille. *Miamboho* lehilahy. Être — contre—. *Mifanamboho, mifampiamboho.* Le — d'un fauteuil. Ny *vohon'* ny sezabe. Le — de la main. Ny *vohon*-tánana. Le — d'un habit. Ny *andamosin'* akanjo. Le — d'un livre. Ny *vody* boky. En—d'âne. *Mivohon*-tsotro, *mivohom*-páfana. ‖ *loc.* Porter sur le —. Mibaby. Etre couché sur le—. Mitsilany. Tourner le—. Miala. 2° *fig.* Avoir toujours quelqu'un sur le—. Sahiranin'olona lalandava. Avoir bon—. Miaritra, tsy mihontsina. Il s'est mis tout le monde à

—. Ankahalain' ny olona rehetra izy. Il met tout sur mon—. Izaho irery hiany no tsininy amy'ny zavatra rehetra. Cela est sur son—. Tsinina amin' izany izy. Scier le — à quelqu'un. Mahadikidiky olona.

DOSE, *sf.* Lanjam-panafody. La — de quinine est trop forte. Be *lanja* loatra ny kininina.

DOSER, *va.* Mandanja. Il a bien dosé la médecine. Nataony tsara *lanja* ny fanafody.

DOSSIER, *sm.* 1° Fiankinana. Le — d'un banc. Ny *fiankinana* amy ny dabilio. 2°—, Taratasy momba ny raharaha anankiray. Le — d'une procédure. Ny *taratasy momba* ny ady anankiray.

DOT, *sf.* Haren-jazavavy.

DOTAL, ALE, *adj.* Momba ny harenjazavavy. Biens dotaux. *Haren-jazavavy.*

DOTATION, *sf.* Harena atokana hiveloman' ny kolejy, trano fitsaboana, etc.

DOTER, *va.* 1° Manolotra haren-jazavavy. Il a doté sa fille de mille piastres. *Notolorany* ariary arivo ho *haren-jazavavy* ny zanany vavy. 2°—, Manokana harena hiveloman' ny kolejy, ny trano fitsaboana, etc. 3° *fig.* Manome soa. La nature l'a bien doté. *Nomen'* Andriamanitra *soa* izy.

D'OÙ, Voy. Où.

DOUANE, *sf.* 1° Fadin-tseranana. Les douanes rapportent peu. Kely ny azo amy ny *fadin-tseranana.* 2°—, Ladoany. Il est directeur de la—. Lehiben' ny *ladoany* izy. 3°—, Trano ladoany. Les marchandises sont encore à la—. Mbola ao amy ny *trano ladoany* ny varotra.

DOUANIER, *sm.* Ny ladoany.

DOUBLAGE, *sm.* Famonosana varahina ny fanambanin-tsambo.

DOUBLE, *adj.* 1° Indroa, avo sasaka. Donnez-lui une—portion. Omeo anjarandroa izy. —charge. Fahana *avo sasaka.* 2°—, Roa, roa sosona, roa loha, mandroroa, kambana. Cette maison a une—entrée. Misy fidirana *roa* io trano io. Mot à — sens. Teny *roa* hevitra. Porte —. Varavarana *roa sosona.* Il répondit à cette — accusation. Novaliany izany fiampangana *roa loha* izany. Les objets lui paraissent doubles. *Mandroroa* ny zavatra rehetra jereny. Banane—. Akondro *kambana.* 3° *fig.* Manafin-kevitra, mibatsaravelatsihy. C'est un esprit—. *Mpanafin-kevitra,* etc., izy.

—, *sm.* 1° Indroa, indroa heny, avo sasaka Huit est le—de quatre. Valo no *indroa* efatra. Cette rizière n'a rapporté que le — de la semence. Izany tanimbary izany tsy nahavokatra afa-tsy *indroa heny, avo sasaka.* Sa fortune s'est augmentée du—. Tonga *avo sasaka* ny hareny. 2°—, Zavatra mitovy, — roa sosona. J'ai conservé le — de ma lettre. Nitahiry taratasy *mitovy* amy ny nampitondraiko aho. Il a des doubles dans sa bibliothèque. Manam-*boky mitovy* izy ao amy ny fitoeram-bokiny. Mettre une chose en—. Mamoritra zavatra ho *roa sosona.* Mettre une chose en plusieurs doubles. Mamoritra zavatra ho maro *sosona.*

—, *adv.* Voir—. Mandroroa.

Au double, *loc. adv.* Indroa heny, avo sasaka. Il le payera au—. Handoa *indroa heny,* etc., izy; *fig.* hovaliana *indroa heny,* etc., izy.

DOUBLEMENT, *adv.* Avo sasaka. Il est—coupable. *Avo sasaka* ny heloka nataony.

DOUBLER, *va.* 1° Mampitombo indroa, —avo sasaka, manao roa sosona, manisy sosona, manisy dabolera, manosona. Doublez ce nombre. *Ampitomboy indroa* izany isa izany. Doublez la dose de quinine. *Ampitomboy indroa* ny lanjan'io kininina io. Il a doublé sa fortune. *Nampitomboina avo sasaka* ny hareny. Doublez le fil. *Ataovy roa sosona* ny taretra. Doublez les voiles. *Ataovy roa sosona, asivy sosona, sosóny* ny lain-tsambo. Doublez mon manteau. *Asivy sosona, —dabolerany, sosóny* ny kapaotiko. ‖ *loc.* —le pas. Mandeha haingana kokoa. —une classe. Avela hianatra indray amy ny kilasy anankiray. 2° —, Mihoatra. Le navire doubla le cap. *Nihoatra* ny tsiraka ny sambo. 3°—, Mamono. —de cuivre un navire. *Mamono* varahina ny fanambanin-tsambo.

—, *vn.* Mitombo indroa heny, —avo sasaka. La population a doublé. *Nitombo indroa heny,* etc., ny isan' ny mponina.

DOUBLURE, *sf.* Dabolera. La—d'un chapeau. Ny *daboleran*-tsatroka.

DOUCEÂTRE, *adj.* Matsaboaka, matsatso. Sauce—. Ro *matsaboaka.* Eau—. Rano *matsatso.*

DOUCEMENT, *adv.* 1° Moramóra, tsimoramora, malemilemy, miadana, mandry fe-izay. Il est mort—. Maty *mora-*

mora, *tsimoramora* izy. Déposez — la bouteille. Apetraho *moramora, tsimoramora* ny tavoahangy. Frappez — à la porte. Dony *malemilemy* ny varavarana. Parler—. Miteny *malemilemy*. Marcher—. Mandeha *moramora, tsimoramora, malemilemy, miadana*, mitsaika. Passer—la vie. *Miadana*. Sommeiller—. *Mandry fe-izay*. 2° *fig*. Moramora, malemilemy, amin-kalemem-panahy. Il traite, il reprend—les gens. Mitondra, mananatra *moramora*, etc., ny olona izy. 3°—, Tsy tsara loatra, manananonanona. Comment va le malade ? Tout—. Manao ahoana ny marary ? *Tsy tsara loatra, manananonanona* hiany.

—, *int*. Moramora. —! vous parlez trop haut. *Moramora !* fa miteny mafy loatra hianao.

DOUCEREUX, EUSE, *adj*. et *s*. 1° Matsaboaka. Vin—. Divay *matsaboaka*. 2°—, Malefaka am-bava, tsara vava, mitoetr'olona malemy paika. Homme—. Olona *malefaka am-bava*, etc. Il a la mine doucereuse. *Mitoetr'olona malemy paika* izy.

DOUCET, ETTE, *adj*. et *s*. Malefaka am-bava, tsara vava, mitoetr' olona malemy paika.

DOUCEUR, *sf*. 1° Hamamy, hamamiana. La—du miel. Ny *hamamin'* ny tantely. 2°—, Halambolambo, hamora, halemy, hatsara, fisononóka, fiadanana, fandriana fe-izay. 3° *fig*. Hamora. halemy, hafinaritra. 4°—, Halemem-panahy. Il est d'une—admirable. Mahagaga ny *halemem-panahiny*. Voy. Doux.

—, *pl*. Zava-mamy. Cet enfant aime les douceurs. Tia *zava-mamy* io zaza io.

En douceur, *loc. adv*. Moramora, tsimoramora, malemilemy, amin-kalemempanahy.

DOUCHE, *sf*. Rano afantsitsítra, rano abosasaka.

DOUCHER, *va*. Manafantsitsítra rano. Douchez ce malade deux fois par jour. *Fantsitsiro rano* indroa isan'andro io marary io.

Se doucher, *vpr*. Mandro amy ny rano mifantsitsítra, mandro amy ny rano mibosasaka.

DOUÉ, ÉE, *p*. et *adj*. Nomena soa, manana, be. Il est heureusement—. Nomen' Andriamanitra *soa* izy. Il est — d'une grande intelligence. *Manan*-tsaina, *be* saina izy.

DOUER, *va*. Manome. Dieu l'a doué d'une grande sagesse. *Nomen'* Andriamanitra fahendrena lehibe izy.

DOUILLE, *sf*. Varombo. La — d'une baïonnette. Ny *varombom*-benitra.

DOUILLET, ETTE, *adj*. 1° Malemilemy. Lit—. Fandriana *malemilemy*. 2°—,Sarotsarotiny, be konetaka. Femme douillette. Vehivavy *sarotsarotiny*, etc.

—, *s*. Olona sarotsarotiny.

DOUILLETTE, *sf*. Akanjobe misy vohavoha.

DOUILLETTEMENT, *adv*. Malemilemy.

DOULEUR, *sf*. 1° Fangirifiriana, fanaintainana, fijaliana, fangotsokotsohana, fitsakotsako, fanotikotika, faharary. La blessure lui cause de fortes douleurs. Ny ratra *mampangirifiry, mampijaly* azy mafy. L'abcès me cause de fortes douleurs de tête. Reko *manaintaina, maharary* mafy ny andohako azon' ny vay. Le rhumatisme cause des douleurs aiguës dans les articulations. Ny rohana *mampangotsokotsoka, mitsakotsako* ny famavány. J'ai de fortes douleurs de ventre. *Manotikotika* mafy ny kiboko. J'ai des douleurs d'estomac. *Marary* ny ambavafóko. ‖ *loc*. Causer une —vive et passagère, comme une piqûre. Mampangorintsina. Ressentir les douleurs de l'enfantement. Mihetsi-jaza. 2°—, Alahelo, fahoriana. La mort de son fils lui cause une affreuse—. Ny nahafatesan' ny zanany *mampalahelo, mampahory* azy mafy.

DOULOUREUSEMENT, *adv*. Amin' alahelo. Se plaindre—. Mitaraina *amin' alahelo*.

DOULOUREUX, EUSE, *adj*. 1° Mampangirifiry, mampanaintaina, mampijaly, mampangotsokotsoka, mitsakotsako, manotikotika, maharary. Plaie douloureuse. Fery *mampangirifiry, mampijaly*. 2° —, Mampalahelo, mampahory. Cette perte m'a été douloureuse. Izany nahafatesany izany *nampalahelo*, etc., ahy. ‖ *loc*. Pousser des cris —. Midradradradra.

DOUTE, *sm*. 1° Fisalasalana, fiahanahanana, firoanahana, fihambahambana. Cela est hors de—. Tsy misy *isalasalana* ny amin'izany. Il lui reste encore quelque—. Mbola *misalasala*, etc., izy. Sans aucun—. Tsy misy *isalasalana*. 2°—, Zavatra isalasalana. Éclaircissez-moi ce

—. Hazavao ity *zavatra isalasalako* ity.

Sans doute, *loc. adv.* 1° Eny. Viendrez-vous demain ? Sans—. Moa ho avy hianao rahampitso? *Eny.* 2°—, Toa. Il arrivera sans — aujourd'hui. *Toa* ho tonga izy anio.

DOUTER, *vn.* 1° Misalasala, miahanahana, miroanahana, mihambahamba. Je doute si je partirai demain. *Misalasala*, etc., raha hiala rahampitso aho. Doutez-vous qu'il ne vienne ? Moa *misalasala* hianao fandrao tsy ho tonga izy ? —des vérités révélées par Jésus-Christ est un crime. Heloka lehibe ny *misalasala*, etc., amy ny zavatra nambarany Jeso-Kristy. Il ne doute de rien. Tsy *misalasala* na amin' inona na amin' inona, sahisahy izy. 2° —, Miahiahy. Je doute de la fidélité de ce domestique. *Miahiahy* io mpanompo io aho.

Se douter, *vpr.* Mahimahina, miahiahy, mihevitra, manampó. Je me doute de quelque chose. *Mahimahin*-javatra-aho izany. Je m'en suis toujours douté. Efa *nahihiko* mandrakariva izany. Pouvais-je m'en —? Iza no *nihevitra, nanampó* izany akory ?

DOUTEUX, EUSE, *adj.* 1° Misy isalasalana, mampisalasala, misy iahanahanana, mampiroanahana, misy ihambahambana, mampihambahamba. Il est — qu'il vienne. *Misy isalasalana, iahanahanana, ihambahambana* sao tsy tonga izy. La victoire fut douteuse. *Nampisalasala, nampiroanahana, nampihambahamba* izay nandresy. Il a donné une réponse douteuse. *Mampisalasala, mampiahanahana, mampiroanahana, mampihambahamba* ny valin-teny nataony. 2° —, Mampiahiahy. Il est d'une probité douteuse. *Mampiahiahy* ny toe-panahiny. 3° —, Maizimaizina. Jour —. *Maizimaizina.*

—, *sm.* Ny misy isalasalana.

DOUVE, *sf.* Hazo fisaka anaovana barika.

DOUX, DOUCE, *adj.* 1° Mamy. Le sucre est —. *Mamy* ny siramamy. Eau douce. Rano *mamy* 2° —, Malambolambo, mora, malemy, malefaka, antonintoniny, tsara, misononóka, miadana, mandry fe-izay. Peau douce. Hoditra *malambolambo*. Montée douce. Fiakarana *mora*. Fer —. Vy *malemy*. Vent —. Rivotra *malemilemy*, tsiotsio-drivotra. Chaleur douce. Hafanana *malefadefaka, antonintoniny.* Une lumière douce. Fahazavana *antonintoniny.* Voix douce. Feo *malefaka*. Odeur douce. Fofona *tsara*. Pluie douce. Ranonorana *misononóka*. Voiture douce. Kalesy *misononóka*. Style —. Laha-teny *misononóka*. Mener une vie douce. *Miadana*. Jouir d'un — repos. *Mandry fe-izay.* 3° *fig.* Mora, mora arahina, malemy, mahafinaritra. Le service est fort — dans cette maison. *Mora* ny fanompoana amin' ity trano ity. Une religion douce. Fivavahana *mora arahina*. C'est un supplice trop —. Fampijaliana *malemy* loatra izany. De — entretiens. Resaka *mahafinaritra*. Cette image est pour moi un — souvenir. Fahatsiarovana *mahafinaritra* ho ahy io sary io. 4° —, Malemy fanahy, malemy paika, morabe, mampiseho halemem-panahy, mampiseho fitiavana, milaza fitiavana. Il a un caractère —. *Malemy fanahy, malemy paika, morabe* izy. Cet animal est —. *Malemy fanahy, morabe* io biby io. Il a un regard —. *Mampiseho halemem-panahy* ny fijeriny.

—, *sm.* Ny mamy. Préférer le —. Mifidy *ny mamy.*

Doux, *adv.* Filer—. Manaiky, mandefitra.

DOUZAINE, *sf.* 1° Roa amby ny folo, dozeniny. J'ai acheté une — d'assiettes. Nividy lovia *roa amby ny folo, dozeniny* iray aho. 2°—, Tokony ho roa amby ny folo. Réunissez une—de personnes. Manangóna olona *tokony ho roa amby ny folo.*

DOUZE, *adj. num.* 1° Roa amby ny folo. Les — Apôtres. Ny Apostoly *roa amby ny folo* lahy. 2°—, Faharoa amby ny folo. Chapitre —. Toko *faharoa amby ny folo.*

—, *sm.* Roa amby ny folo. Il est arrivé le — Octobre. Tonga tamy ny *roa amby ny folo* Oktobra izy.

DOUZIÈME, *adj. num.* Faharoa amby ny folo. Chapitre —. Toko *faharoa amby ny folo.*

—, *sm.* Ny ampaharoa amby ny folony.

DOUZIÈMEMENT, *adv.* Faharoa amby ny folo.

DOYEN, *sm.* Zoky. Le — des avocats. Ny *zokin'* ny mpisolo vava. Si vous n'avez que trente ans, je suis votre —. Raha vao telopolo taona monja hianao, dia *zokinao* aho.

DRACHME, *sf.* Drakma, iraimbilanja.
DRAGAGE, *sm.* Fandoaran-tany amy ny draga.
DRAGÉE, *sf.* Darazay, vatomamy.
DRAGEON, *sm.* Solofon-java-maniry avy amy ny fakany.
DRAGEONNER, *vn.* Misy solofo avy amy ny fakany.
DRAGON, *sm.* 1° Dragona. Le — infernal. Ny *dragona,* ny demony. 2° — Karaza-miaramila mitaingin-tsoavaly any Frantsa.
DRAGONNIER, *sm.* Hasina (hazo).
DRAGUE, *sf.* Draga, milina fandoaran-tany.
DRAGUER, *va.* Mandoatra tany amy ny draga.
DRAINAGE, *sm.* Fanamainana tany amy ny lakan-drano.
DRAINER, *va.* Manamaina tany amy ny lakan-drano.
DRAMATIQUE, *adj.* et *s.* 1° Momba ny teatra. L'art —. Ny fahaizana mamorona *teatra.* Style —. Laha-teny *momba ny teatra.* 2° —, Manaitra, mampientana ny fo, mampangoraka, mahonena. Récit —. Tantara *manaitra,* etc.
DRAME, *sm.* 1° Teatra. 2° *fig.* Fikorontanana mitohitohy.
DRAP, *sm.* 1° Lopótra. 2° —, Lamba. — de lit. *Lambam*-pandriana. — mortuaire. *Lamba* mainty fanao amy ny tranovorona. 3° *fig.* Le voilà dans de beaux draps. Indro fa mby amy ny fahasahiranana lehibe izy.
DRAPÉ, ÉE, *p* et *adj.* 1° Miketronketrona, mivalombalona. Cette statue est bien drapée. *Miketronketrona,* etc., tsara ny lamban' io sariolona io. 2° —, Voatemitra lamba. La salle est bien drapée. *Voatemitra lamba* tsara ny efi-trano. 3° *fig.* Noharatsina. Il a été joliment —. *Noharatsina* mafy izy.
DRAPEAU, *sm.* 1° Saina. Le — américain. Ny *saina* amerikana. 2° *fig.* Arborer un — blanc pour annoncer que l'on veut capituler. Mitsangankazo fotsy. Il est sous les drapeaux. Manao fanompoan' ny miaramila izy. Se ranger sous les drapeaux de quelqu'un. Miandany amin' olona.
DRAPER, *va.* 1° Mampiketronketrona, mampivalombalona. 2° —, Manemitra amy ny lamba. 3° *fig.* Manaratsy.
Se draper, *vpr.* Mampiketronketrona ny fitafiany.
DRAPERIE, *sf.* 1° Fanaovana lopótra, lopótra. Travailler en —. *Manao lopótra.* Il se fait ici un grand commerce de —. Betsaka ny *lopótra* lafo aty. 2° —, Fitafiana miketronketrona, fitafiana mivalombalona. 3° —, Lamba temitra. De riches draperies ornent l'église. Miravaka *lamba* saro-bidy ny trano leglizy.
DRAPIER, *sm.* Mpivarotra lopótra, mpanao lopótra.
DRESSER, *va.* 1° Manangana, manorina, mampitsangana, mampitráka, mampidingina. — un mât. *Manangana* salazana. — une tente. *Manangana, manorina* trano lay. — une statue. *Manangana* sariolona. L'âne dresse ses oreilles. *Manangan*-tsofina ny ampondra. Cela fait — les cheveux. *Mampitsangam*-bolo izany. — la tête. *Mampitráka* ny loha, *mitráka.* — la queue. *Midingin*-drambo. 2° —, Manitsy, manamboatra, mamelatra, manao, manoratra. — une planche. *Manitsy* hazo fisaka. — un lit. *Manamboatra* farafara. — un piège. *Mamela*-pandrika, mamandrika. — un piège à un animal, à une personne. *Mamandrika* biby, — olona. — le plan d'une maison. *Manao* sarin-trano anankiray. — l'acte de vente d'une maison. *Manoratra* fivarotan-trano. 3° —, Mampianatra. — un cheval. *Mampianatra* soavaly. — un chien. *Mampianatra* alika.
Se dresser, *vpr.* 1° Mitsangana, mitráka, midingina. Le cheval s'est dressé. *Nitsangana* ny soavaly. 2° —, Ampianarina.
DROGUE, *sf.* 1° Fanafody, loko, zavatra maharo. 2° *fig.* Zavatra ratsy.
DROGUER, *va.* 1° Mampiboboka fanafody. — un enfant. *Mampiboboka fanafody* zaza kely. 2° —, Manao ankosoka. — du vin. *Manao* divay *ankosoka.*
DROGUERIE, *sf.* 1° Fivarotana fanafody, — loko. 2° —, Fanafody.
DROGUISTE, *sm.* Mpivarotra fanafody, — loko.
DROIT, OITE, *adj.* 1° Mahitsy, toratady. Ce chemin est —. *Mahitsy,* etc., io lálana io. 2° —, Mitsangana mahitsy, — marina, maorona, mijoro, mijadona, mijajirika, sokera. La maison n'est pas droite, elle penche d'un côté. Tsy *mitsangana mahitsy, — marina,* tsy *maorona* io trano io, fa mitongilana. Il se tient —. *Mijoro* izy. Il est — comme une statue. *Mijado-*

na, mijajirika hoatry ny sariolona izy. Angle—. Zoro *sokera*. 3°—, Havanana. On lui a coupé le bras—. Notapahina ny sandriny *havanana*. 4° *fig*. Mahitsy, mahitsy fo, marina, tsotra. Il a le cœur —. *Mahitsy fo, tso*-po izy. C'est un homme—. Olona *mahitsy fo*, olo-*marina* izy.

Droit, *adv*. 1° Mahitsy. Viser —. Mikendry *mahitsy*. Aller — devant soi. Manao *hitsin*-dálana. 2° *fig*. Mahitsy, ankitsim-po, araka ny mety. Je l'ai fait marcher —. Nampanarahiko ny *mety* izy.

DROIT, *sm*. 1° Fahazoana, fahefana, ny an'olona, anjara, ny tsy maintsy... Il a le — de commander. *Mahazo* mandidy, mahadidy izy. Le roi a — de vie et de mort. Ny mpanjaka manam-*pahefana* hamelona sy hamono. Il a — à cette succession. *Azy* io lova io, manana *anjara* amin'io lova io izy. Il a — à votre reconnaissance. *Tsy maintsy* hankasitrahanao izy. 2° —. Rariny, marina. Juger selon le —. Mitsara araka ny *rariny*, etc. Donner — à quelqu'un. Manome *rariny* olona. 3° —, Lalána. Cela est de — divin. Araka ny *lalàn'* Andriamanitra izany. Il étudie le —. Mianatra ny *lalána* izy. 4° —, Fadin-tseranana, sara, haba, vola tsy maintsy haloa. J'ai acquitté les droits de douane. Naloako ny *fadin-tseranana*. — de passage sur une barque. *Saran*-dakana. Droits d'octroi. *Haba*. — d'ancrage. *Vola tsy maintsy haloan'* ny sambo mba hitody ao an-tseranana.

À bon droit, *loc. adv*. Araka ny rariny. C'est à bon — qu'il se plaint. Mitaraina *araka ny rariny* izy.

De droit, de plein droit, *loc.adv*. Araka ny rariny. Cela lui appartient de —, etc. Azy *araka ny rariny* izany.

DROITE, *sf*. 1° Ankavanana. Que votre gauche ne sache point ce que fait votre —. Aoka tsy ho fantatry ny ankavianao izay ataon' ny *ankavananao*. Il était assis à sa —. Nipetraka tao *ankavanany* izy. 2° —, Tsipika mahitsy. Tirez une —. Manaova *tsipika mahitsy*. ‖ *loc*. À — et à gauche. Atsý arý. Il frappe à — et à gauche. Mamely *atsý arý* izy.

DROITEMENT, *adv*. Araka ny rariny, araka ny marina, an-kitsim-po. Il agit —. Manao *araka ny rariny*, etc., izy.

DROITURE, *sf*. Ny rariny, ny marina, hitsim-po.

DRÔLATIQUE, *adj*. Mampihomehy, mahatsikaiky. Contes drôlatiques. Angano *mampihomehy*, etc.

DRÔLE, *adj*. Mampihomehy, mahatsikaiky, hatsikana, valavala, hafahafa. C'est un homme —. Olona *mampihomehy*, etc., izy. C'est un conte fort —. Angano *mampihomehy, mahatsikaiky* loatra izany.

—, *sm*. Karilahy, olona tsy manjary.

DRÔLEMENT, *adv*. Am-pihomehezana.

DRÔLERIE, *sf*. Hatsikana.

DRÔLESSE, *sf*. Karivavy, vehivavy tsy manjary.

DROMADAIRE, *sf*. Angamenavava tokan-trafo.

DRU, UE, *adj*. Matevina, mivatravatra, miraraka. Les blés sont drus. *Matevina* ny varim-bazaha. Une pluie drue. Ranonorana *mivatravatra*.

Dru, *adv*. Matevina, mivatravatra, miraraka. Semer—. Manao fafy *matevina*. La pluie tombe—. *Mivatravatra* ny ranonorana. Les balles pleuvaient—. Ny bala *niraraka* hoatry ny ranonorana.

DU, *article contracté* pour *de le*. Voy. DE.

DÛ, DÛE, *p*. et *adj*. 1° Ananana, notrosaina. Payez-lui l'argent qui lui est —. Aloavy ny vola *ananany* aminao, ny volany *notrosainao*. 2°—, Tsy maintsy. Ce châtiment est — à sa paresse. *Tsy maintsy* hofaizina tahaka izany izy noho ny hakamoany.

DUBITATIF, IVE, *adj*. Milaza fisalasalana.

DUC, *sm*. Andriandahy manarakaraka ny zanakandriana.

DUCHÉ, *sm*. Vodivonan' ny *duc* na *duchesse*.

DUCHESSE, *sf*. Andriambavy manarakaraka ny zanakandriana, vadin' ny *duc*.

DUCTILE, *adj*. Azo taritina, azo halavaina, azo roritina. Le plomb est—. *Azo taritina, azo halavaina* ny firaka. Le caoutchouc est—. *Azo roritina* ny matezaroritina.

DUCTILITÉ, *sf*. Ny ahazoana taritina, — roritina.

DUEL, *sm*. Ady samy irery. Appeler quelqu'un en—. Mihaika olona *hiady samy irery*.

DUELLISTE, *sm*. Mpiady samy irery.

DULCIFIER, *va*. Manalefaka.

DULIE, *sf.* Fanajana fanao amy ny Anjely sy ny Olo-Masina.

DÛMENT, *adv.* Araka ny mety, —ny rariny, —ny marina. Il a été — averti. Efa nanarina *araka ny mety,* etc., izy.

DUNE, *sf.* Bongom-pasika amoron-dranomasina.

DUNETTE, *sf.* Tokotany amy ny vody sambo.

DUO, *sm.* Hira misy feo roa mianloana.

DUPE, *sf.* Olona voafitaka, olona mora fitahina. Il fut la — de sa fourberie. *Voafitaky* ny fihatsarambelatsihiny izy.

DUPER, *va.* Mamitaka, manome vohony.

Se duper, *vpr.* Mifamitaka, mifanome vohony.

DUPERIE, *sf.* Fitaka, vohony.

DUPLICATA, *sm.* Taratasy mitovy fiteny.

DUPLICITÉ, *sf.* 1° Roa. Ce verre donne une — d'image du même objet. Io fitaratra io mampiseho sary *roa* avy amy ny zavatra iray. 2° *fig.* Fitaka, fihatsarambelatsihy.

DUR, URE, *adj.* 1° Mafy, mangidy. C'est — comme du fer. *Mafy* hoatry ny vy izany. Ces paroles sont fort dures. *Mafy,* etc., loatra izany teny izany. Cette loi est dure. *Mafy,* etc., izany lalána izany. Il a mené une vie fort—. *Mafy,* etc., ny noleferiny tamy ny andro niainany. Il m'a fait une — réception. *Mafy* ny nandraisany ahy. || *loc.* Il a la tête dure. Donto saina izy. Il a l'oreille dure. Lalodalovana, marenindrenina izy. 2°—, Sarotra, masiaka, lozabe. Les temps sont durs. *Sarotra* ny taona. C'est un homme —. Olona *masiaka, lozabe* izy. Ce que vous dites est — à digérer. *Sarotra* hinoana izay lazainao. Cet affront est — à digérer. *Sarotra* leferina izany fanesoana izany. Il est — à la détente. *Sarotra* vaikaina izy; *fig.* mahihitra izy. 3°—, Handatra, maisatra, mafaitra, ratsy, tsy misononóka. Vin —. Divay *handatra, maisatra, mafaitra.* Voix dure. Feo *ratsy.* Style—. Laha-teny *tsy misononóka.*

—, *sm.* Ny mafy.

—, *sf.* Coucher sur la dure. Mandry amy ny tany.

Dur, *adv.* Il entend—. Lalodalovana, marenindrenina izy.

DURABLE, *adj.* Maharitra, mateza. Ce sont des édifices durables. Trano *maharitra,* etc., ireo. Il n'y a pas sur la terre de bonheur—. Tsy misy hasambarana *maharitra,* etc., ety amboniu' ny tany.

DURANT, *prép.* Mandritra, maninjitra, mipaka, ngarangidina. Il n'y a pas de pluie—l'hiver. Tsy misy ranonorana *mandritra* ny ririnina. Il a plu—quinze jours. Nisy ranonorana *nandritra* ny tapa-bolana, tapa-bolana *maninjitra.* Je l'ai servi—cinq ans. Nanompo azy hiany aho *nandritra* ny dimy taona, dimy taona *maninjitra, mipaka, ngarangidina.*

DURCIR, *va.* Manamafy, mahamafy. La chaleur durcit la terre. Ny haiuandro *manamafy,* etc., ny tany.

—, *vn.* Mihamafy. Le bois durcit dans l'eau. *Mihamafy* ny hazo raha ao anatin' ny rano.

Se durcir, *vpr.* Mihamafy. La boue se durcit au soleil. Ny fotaka *mihamafy* raha azon' ny masoandro.

DURCISSEMENT, *sm.* Hamafy, hamafiana, fihamafiana.

DURÉE, *sf.* Faharetana, hateza. Son règne fut de peu de—. Tsy *naharitra* ela ny andro nanjakany. La vie de l'homme est de courte—. Tsy *maharitra,* tsy *mateza* ny andro iainan' ny olombelona.

DUREMENT, *adv.* Mafy. Reprendre —. Mananatra *mafy.* Être couché—. Mandry amy ny fandriana *mafy.*

DURER, *vn.* 1° Maharitra, mateza. Leur amitié n'a guère duré. Tsy *naharitra* ela loatra ny fisakaizan' izy ireo. Cette étoile dure longtemps. *Maharitra* ela, *mateza* dia mateza io lamba io. 2° —, Lava, tsy zaka lanilanina. Le temps me dure. *Lava* amiko, *tsy zakako lanilanina* ny andro.

DURETÉ, *sf.* 1° Hamafy. La—du fer. Ny *hamafin'* ny vy. Il l'a traité avec—. *Mafy* ny nataony azy. 2°—, Haratsiana, tsy fisononóka. 3°—, *pl.* Teny mafy. Il lui a dit des duretés. *Niteny mafy,* nandevilevy azy izy.

DURILLON, *sm.* Kitro. Il a des durillons aux mains. Misy *kitron*-tánana izy.

DUVET, *sm.* Volo malemy, volombоatavo, ny volovoloina. Un oreiller de—. Ondana voasesika *volo malemy.* Ces petits cardinaux ont encore leur—. Mbola misy *volo malemy,* mbola tsy tonga elatra ireo fody ireo. Un léger —

paraît sur son menton. Misy *volomboatavo* maniry ao amy ny somany. Les coings sont couverts d'un petit—. *Volovoloina* ny koaintsy.

DUVETEUX, EUSE, *adj.* Be volo malemy, misy volomboatavo, volovoloina.

DYNAMIQUE, *sf.* Fahaizana momba ny hery mampihetsika zavatra.

—, *adj.* Mampihetsika zavatra. Pouvoir—. Hery *mampihetsika zavatra.*

DYNAMITE, *sf.* Karazam-banja mahery dia mahery.

DYNASTIE, *sf.* Taranak' andriana anankiray.

DYSPEPSIE, *sf.* Tsy fahalevonan-kanina.

DYSSENTERIE, *sf.* Fivalanan-dra.

DYTIQUE, *sm.* Tsikovoka.

E

EAU, *sf.* 1° Rano. —douce. Rano *mamy.* —saumâtre. Rano *matsatso.* —de mer. *Rano*masina. —courante. *Rano* mandeha. —de riz. *Ranom*-bary. —de senteur. *Rano* manitra. —de pluie. *Ranonorana.* —bénite. *Rano* voahasina, *rano* voavavaka. —de savon. *Ranon*-tsavony. —d'empois. *Ranon*-tavolo. —Eaux chaudes. *Rano* mafana. Les habitants du bord de l'—. Ny tan*drano.* Le navire fait—de toutes parts. Midi-*drano* be hiany ny sambo. Le navire a fait de l'—à Maurice. Nivatsy *rano* tany Morosy ny sambo. Se jeter à l'—. Mirotsaka any anaty *rano.* Entrer dans l'—pour la passer. Mitsobo-*drano,* mirobo-*drano.* Les eaux sont basses. Marivo ny *rano.* Les eaux sont hautes. Misondrotra ny *rano.* La pêche a beaucoup d'—. Be *rano* ny paiso. 2°—, Ranonorana. Il est tombé beaucoup d'—. Nirotsaka betsaka ny *ranonorana.* 3°—, Hatsembohana, dinitra. Il est tout en—. *Tsemboka* dia tsemboka, mivoa-*dinitra* izy. 4° —, Famirapiratra. C'est un diamant d'une belle—. *Mamirapiratra* tsara io diamondra io. 5° *fig.* Il a mis de l'—dans son vin. Nihena ny harisihany. Il se noierait dans un verre d'—. Tsy mahomby izy na dia kely aza. Ils se ressemblent comme deux gouttes d'— Tsy misy ivoasana izy roa lahy. Porter de l'—à la rivière. Mitondra nato miantsinanana. Donner un coup d'épée dans l'—, battre l'—avec un bâton. Mikapo-drivotra, manasa-tena foana, misasa-poana. Ce projet est tombé dans l'—. Tsy tanteraka izany fikasana izany. Il faut laisser couler l'—. Tsy tokony ho be ahiahy amy ny zavatra mitranga. Être comme le poisson dans l'—. Miadana.

EAU-DE-VIE, *sf.* Laodivý.

ÉBAHI, IE, *adj.* Talanjona, mitampimbava.

ÉBAHIR (S'), *vpr.* Mitalanjona, mitampim-bava.

ÉBAHISSEMENT, *sm.* Fitalanjonana.

ÉBARBER, *va.* Mamarana. —du papier. *Mamaran*-taratasy.

ÉBATS, *sm. pl.* Filalaovana, fikarenjy. Il prend ses — sur la place. *Milalao, mikarenjy* eny an-kianja izy.

ÉBATTRE (S'), *vpr.* Milalao, mikarenjy.

ÉBAUBI, IE, *adj.* Mivanáka, midagaga, mitolagaga.

ÉBAUCHE, *sf.* Ambangovangon-tsary, ambangovangony.

ÉBAUCHER, *va.* Mamangovango. —une statue. *Mamangovango* sariolona. — du bois. *Mamangovango* hazo. Il n'a fait encore qu'— son ouvrage. Mbola tsy nanao afa-tsy ny *ambangovangon'* ny bokiny izy.

ÉBÈNE, *sf.* 1° Hazomainty. 2° *fig.* Elle a des cheveux d'—. Mainty mangilohilo ny volon-dohany.

ÉBÉNIER, *sm.* Foto-kazomainty.

ÉBÉNISTE, *sm.* Mpanao rafitra madinika be haingo.

ÉBÉNISTERIE, *sf.* Fanaovana rafitra madinika be haingo, rafitra madinika be haingo.

ÉBLOUI, IE, *p.* et *adj.* 1° Jemby, badéna, manjambéna. 2° *fig.* Hajambaina,

nohajambaina, voasodóka, nosodokaina. Il est—par les richesses. *Hajambaina, sodokain'* ny harena izy. 3°—, Variana, gaga, talanjona.

ÉBLOUIR, *va.* 1° Mahajemby, mahabadéna, mampanjambéna, mamono maso. Le soleil éblouit mes yeux. Ny masoandro *mahajemby, mahabadéna, mampanjambéna* ny masoko, *mamono maso* ahy. 2° *fig.* Mahajamba, manodóka. La gloire l'a ébloui. Ny voninahitra no *nahajamba, nanodóka* azy. 3° —, Mahavariana, mahagaga, mahatalanjona. Son langage éblouit. *Mahavariana,* etc., ny fiteniny.

S'éblouir, *vpr.* Hajambaina, sodokaina.

ÉBLOUISSANT, ANTE, *adj.* 1° Mahajemby, mahabadéna, mampanjambéna, mamono maso. Lumière éblouissante. Fahazavana *mahajemby,* etc. 2° *fig.* Mahavariana, mahagaga, mahatalanjona. Elle est d'une beauté éblouissante. *Mahavariana,* etc., ny hatsaran-tarehiny.

ÉBLOUISSEMENT, *sm.* 1° Fahajembena, fanjambéna. 2°—, Fahajenjenana. J'ai des éblouissements après avoir tant écrit. *Jenjin'* ny nanoratra ela aho.

ÉBORGNER, *va.* Mamotsitra maso ankila.

S'éborgner, *vpr.* Potsi-maso an-kila. Il s'est éborgné en tombant. Lavo izy ka *potsitra* ny *masony an-kila.*

ÉBOULEMENT, *sm.* Fikoa, fihotsaka, firodana, fianjera.

ÉBOULER, *vn.* Mikoa, mihotsaka, mirodana, mianjera. La pluie a fait — la muraille. Ny ranonorana *nampikoa,* etc., ny ampiantany.

S'ébouler, *vpr.* Mikoa, mihotsaka, mirodana, mianjera.

ÉBOULIS, *sm.* Zavatra mikoa. Ma maison a été renversée par l'—. Nazeran' ny *zavatra nikoa* ny tranoko.

ÉBOURGEONNEMENT, *sm.* Fanalana tsimo-kazo na sakeli-kazo.

ÉBOURGEONNER, *va.* Manala tsimo-kazo na sakeli-kazo. Voici le temps d'—les vignes. Izao no fotoana *fanalana* ny *tsimo*-boaloboka na ny *sakeliny.*

ÉBOURIFFÉ, ÉE, *adj.* 1° Misafotofoto, misaritaka. Il a les cheveux ébouriffés, il est—. *Misafotofoto,* etc., ny volon-dohany. 2° *fig.* Sanganehana.

ÉBOURIFFER, *va.* 1° Mampisafotofoto, mampisaritaka. 2° *fig.* Mahasanganehana.

ÉBRANCHEMENT, *sm.* Fandrantsanana.

ÉBRANCHER, *va.* Mandrantsana. Il faut — cet arbre. Tokony *horantsanana* io hazo io.

ÉBRANLÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Voahozongozona, nohozongozonina, mihozongozona, voahovotrovotra, nohovotrovotina, mihovotrovotra, napararetra, mipararetra, voahetsiketsika, nohetsiketsehina, mihetsiketsika. 2° *fig.* Mihena, mihontsina, ketraka, nokorontanina, mikorontana.

ÉBRANLEMENT, *sm.* 1° Fanozongozonana, fihozongozonana, fanovotrovotana, fihovotrovotana, fipararetra, fanetsiketsehana, fihetsiketsehana. 2° *fig.* Fihenána, fiketrahana, fikorontanana.

ÉBRANLER, *va.* 1° Manozongozona, manovotrovotra, mampipararetra, manetsiketsika. Les vents ont ébranlé la maison. *Nanozongozona,* etc., ny trano ny rivotra. 2° *fig.* Mampihena, mampihontsina, manaketraka, manakorontana. Le mensonge ébranle la confiance. Ny lainga *mampihena* ny fitokiana. Vos menaces ne l'ont pas ébranlé. Ny rahona nataonao tsy *nampihontsina,* tsy *nahaketraka* azy. Les malheurs n'ont point ébranlé son courage. Ny fahoriany tsy *nampihontsina,* tsy *nahaketraka* ny herim-pony. La guerre civile a ébranlé le royaume. Ny ady antrano *nampikorontana* ny fanjakana.

S'ébranler, *vpr.* 1° Mihozongozona, mihovotrovotra, mipararetra, mihetsiketsika. 2° *fig.* Mihena, mihontsina, mihaketraka, mikorontana. 3°—, Mandroso, mihemotra. L'armée s'ébranla pour charger l'ennemi. *Nandroso* ny tafika mba hamely ny fahavalo. Les soldats s'ébranlèrent au premier coup de canon. *Nihemotra* ny miaramila, raha vao nipoaka voalohany ny tafondro.

ÉBRASEMENT, *sm.* Fanasolilana takola-baravarana, fisolilan' ny takola-baravarana.

ÉBRASER, *va.* Manasolila takola-baravarana.

ÉBRÉCHÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Banga, nobangaina, simaka, voasimaka, nosimahana, nahasimahana. Dent ébréchée. Nify *simaka.* 2° *fig.* Nihena, nahafahana, nahabangana. Voy. BRÈCHE.

ÉBRÉCHER, *va.* 1° Mambanga, manimaka. — un couteau. *Mambanga* antsy. 2° *fig.* Ahafahana, ahabangana. Il

a ébréché sa fortune. *Nahafahana*, etc., ny hareny.

ÉBRUITEMENT, *sm*. Fanambarána.

ÉBRUITER, *va*. Manambara. —une affaire. *Manambara* raharaha anankiray.

S'ébruiter, *vpr*. Miely. Cette nouvelle s'est ébruitée. *Niely* izany zava-baovao izany.

ÉBULLITION, *sf*. Fangotrahana, fandevy. L'eau est en —. *Mangotraka*, *mandevy* ny rano.

ÉCAILLE, *sf*. 1° Lany. —de poisson. *Lanin*-kazandrano. ‖ *loc*. — de tortue. Hodi-tsokatra. — d'huître. Akoran' akorandriaka. 2°—, Helakelaka, hofakofaka. Sa peau se levait par écailles. *Nihelakelaka*, etc., ny hodiny. 3° *fig*. Les écailles lui sont tombées des yeux. Nahita ny badisoan-koviny izy.

ÉCAILLER, *va*. Manala lany, mikiky, manihy. — un poisson. *Manala lanin*-kazan-drano, *mikiky*, *manihy* hazandrano.

S'écailler, *vpr*. Mihelakelaka, mihofakofaka, miselatselaka, miohakohaka. Cet enduit de chaux s'écaille. *Mihelakelaka*, etc , io lalo-tsokay io.

ECAILLEUX, EUSE, *adj*. Mihelakelaka, miselatselaka, mihofakofaka, miohakohaka.

ÉCARLATE, *sf*. et *adj*. Mena mangatrakatraka, mena midorehitra, mena mivaivay. Robe —. Robo *mena mangatrakatraka*, etc.

ÉCARQUILLEMENT, *sm*. Famezarana.

ÉCARQUILLER, *va*. Mamezatra. — les yeux. *Mamezatra* maso.

ÉCART, *sm*. 1° Fihatahana, fitanilana, fiviliana, fidifiana. Il fit un — pour esquiver le coup. *Nihataka*, *nitanila*, *nivily*, *nidify* mba tsy ho voa izy. Le cheval a eu peur et a fait un —. Natahotra ny soavaly ka *nihataka*, *nivily*. 2° *fig*. Faniasiavana, fiviliana. La jeunesse se laisse entrainer à des écarts. Be *siasia* ny tanora. Il fait des écarts dans ses discours. *Mivily* ny laba-teniny.

À l'écart, *loc. adv*. 1° An-takona, mangingina. Prendre quelqu'un à l'— pour causer. Maka olona *an-takona*, etc., mba hiresaka. 2°—, Mihataka. Se mettre à l'—. *Mihataka*. 3° *fig*. Mettre quelqu' un à l'—. Manakipaka olona.

ÉCARTÉ, ÉE, *p*. et *adj*. 1° Nasabáka, nosabakaina, misabáka, voasava, nosavana, nahataka, nihataka, nakisaka, nikisaka. 2°—, Navily, nivily, mangingina. Chemin —. Lálana *mangingina*. 3° *fig*. Noroahina, nolavina.

ÉCARTÈLEMENT, *sm*. Fanasamahana ny rantsam-batana.

ÉCARTELER, *va*. Manasamaka ny rantsam-batana.

ÉCARTEMENT, *sm*. Fanasabakana, fisabáka, fampihatahana, fihataka. Il y a eu de l'—dans ce mur. Nisy *nihataka* ity rindrina ity.

ÉCARTER, *va*. 1° Manasabáka, mampisabáka, mampisava, misava, mampihataka, mampanalavitra, manakisaka. Écartez vos jambes. *Asabakao* ny tongotrao, *misabaká*. —les branches qui empêchent de passer. *Mampisava*, *misava* ny sampan-kazo izay misakana ny haleha. —la foule. *Mampihataka*, *mampanalavitra* ny vahoaka. Écartez cette table. *Ahataho*, *halavito*, *akisaho* io latabatra io. 2°—, Mampivily, mamily. — quelqu'un du droit chemin. *Mampivily* olona ny lálana mahitsy. Il a écarté le bâton qui allait le frapper. *Namily* ny tehina saika hahavoa azy izy. 3° *fig*. Mamily, mandroaka, mandá. Que Dieu écarte ce malheur ! *Havilin'* Andriamánitra anie izany loza izany ! —les mauvaises pensées. *Mandroaka* ny hevidratsy. —une demande. *Mandá* fangatahana.

S'écarter, *vpr*. 1° Misabáka, mihataka, manalavitra, mikisaka, mitanila, mivily, midify. Deux lignes qui vont en s'écartant. Tsipika roa *misabáka*. Écartez-vous pour le laisser passer. *Mihataha*, *mikisaha*, *mitanilá* halehany. 2° *fig*. Mivily, tsy manao. Il s'est écarté de son sujet. *Nivily* tamy ny foto-teniny voalohany izy. Il s'est écarté de son devoir. *Tsy nanao* ny tokony hataony izy.

ECCLÉSIASTIQUE, *adj*. Momba ny Eglizy, any ny Eglizy. L'autorité — a tranché ce différend. Ny mpifehy amy *ny Eglizy* nanapaka izany ady izany. Les biens ecclésiastiques. Ny fananan' *ny Eglizy*.

—, *sm*. Mpanao raharaha amy ny fivavahana (ny eveka, ny pretra, ny mpianatra ho pretra).

ÉCERVELÉ, ÉE, *adj*. et *s*. Maivandoha, kely ati-doha.

ÉCHAFAUD, *sm*. Lampihazo fanapahan-doha.

ÉCHAFAUDAGE, *sm*. 1° Kombarika,

fanaovana kombarika. 2° *fig.* Fampisehoana fahaizana ankosoka, famoronana hevi-dravina.

ÉCHAFAUDER, *vn.* Manao kombarika. —, *va.* Mampiseho fahaizana ankosoka, mamorona hevi-dravina.

ÉCHALAS, *sm.* 1° Toham-boaloboka. 2° *fig.* Olona mitezotezo, olona mitsoroaka.

ÉCHALASSEMENT, *sm.* Fanohanana voaloboka.

ÉCHALASSER, *va.* Manohana voaloboka.

ÉCHALOTE, *sf.* Karazan-tongolo gasy.

ÉCHANCRÉ, ÉE, *p.* et *adj.* Banga, dimbana, misy nifinifiny. Feuilles échancrées. Ravin-kazo *misy nifinifiny.*

ÉCHANCRER, *va.* Mambanga, mandimbana. —une table. *Mambanga*, etc., latabatra.

ÉCHANCRURE, *sf.* Banga, dimbana.

ÉCHANGE, *sm.* 1° Takalo, fanakalozana, fifanakalozana. Il m'a donné sa maison en — de mon cheval. Ny tranony no *natakalony* ny soavaliko. Les deux États ont fait un — de prisonniers. Ny fanjakana roa tonta *nampifanakalo* ny sambo-belona azony. 2°—, Fifampitondrana, fifanirahana, fifamaliana. Il y a entre eux — de lettres. *Mifampitondra, mifamaly* taratasy izy ireo. Il y a entre ces deux commerçants — de courriers. *Mifaniraka* olona mitondra taratasy ireo mpivarotra roa lahy ireo. Il y a entre eux — d'amitié. *Mifamaly* fitia izy ireo.

ÉCHANGER, *va.* 1° Manakalo, mampifanakalo. —des meubles. *Manakalo* fanaka. On a échangé les prisonniers. *Nampifanakalozina* ny sambo-belona. J'ai échangé mon livre contre son chapeau. *Natakaloko* ny satrony, *nampifanakaloziko* tamy ny satrony ny bokiko. 2°—, Mifampitondra, mifaniraka, mifamaly. Les deux navires échangèrent quelques coups de canon. Ny sambo roa *nifamaly* tafondro vitsivitsy.

ÉCHANSON, *sm.* Mpandroso divay amy ny mpanjaka.

ÉCHANTILLON, *sm.* 1° Santininy, sombiny kely. 2° *fig.* Donner un—de son savoir-faire. Mampiseho ny fahaizany.

ÉCHAPPATOIRE, *sf.* Fialana, fialan' olon-kendry, fihodivirana, fanarian-dia. Il sait trouver des échappatoires. Mahay manao *fialana, fialan' olon-kendry,* mahay *mihodivitra, manary dia* izy.

ÉCHAPPÉE, *sf.* Hadisoana. Ce jeune homme a fait plusieurs échappées. Nanao *hadisoana* indraindray io tovolahy io.

Par échappées, *loc. adv.* An-tsisika. Faire un travail par échappées. Manao asa anankiray *an-tsisika.*

ÉCHAPPER, *vn.* 1° Mandositra, milefa. Il a laissé — le prisonnier, l'esclave. Navelany *handositra* ny sambo-belona, navelany *hilefa* ny andevo. 2°—, Afaka. Il a échappé au danger. *Afaka* tamy ny loza, maty no velona izy. Ce voleur a échappé à la police. *Afaka* tamy ny polisy io mpangalatra io. 3° *fig.* Tsy hita, tsy azo, tsy azo hazonina, tsy azo tsindriana, miporotsaka, latsaka, tsy satry, tsy. Beaucoup d'étoiles échappent à la vue. Betsaka ny kintana *tsy hitan'* ny masontsika. Cet héritage lui a échappé. *Tsy azony* izany lova izany. La vie nous échappe. Tsy *azontsika hazonina* ny andro iainana. La patience lui échappe. *Tsy azony tsindriana* ny fony. Sa canne lui échappa des mains. *Niporotsaka* tao an-tánany ny tehiny. Il a laissé — ce mot. *Latsa*-bava izy. Un soupir lui échappa. Nisento *tsy satry* izy. Cela m'a échappé de la mémoire. *Tsy* tsaroako velively izany.

S'échapper, *vpr.* 1° Mandositra, milefa, miporotsaka, mandrongatra. Le cheval s'est échappé. *Nandositra* ny soavaly. Mon esclave s'est échappé. *Nilefa* ny andevoko. L'anguille s'échappa de ses mains. *Niporotsaka* tao an-tánany ny amalona. Le bœuf s'est échappé du parc. *Nandrongatra* ny omby. 2° *fig.* Mivoaka, miporotsaka, latsaka. L'eau s'échappe par une fente du rocher. Ny rano *mivoaka* amy ny tsefa-bato. Le glaive s'échappa de mes mains. *Niporotsaka* tao an-tánako ny sabatra. Des pleurs s'échappèrent de mes yeux. *Latsa*-dranomaso aho.

ÉCHARPE, *sf.* Samboady. —rouge. *Samboady* mena. Il a le bras en—. Hazonina *samboady* ny sandriny.

ÉCHARPER, *va.* 1° Mikapa. Il lui écharpa le visage. *Nikapa* ny tavany izy. 2° *fig.* Mandringana, mandripaka. Les ennemis furent écharpés. *Naringana, naripaka* ny fahavalo.

S'écharper, *vpr.* 1° Mifampikapa. 2° *fig.* Mifandringana, mifandripaka.

ÉCHASSE, *sf.* 1° Tongo-kazo. 2° *fig.* Monter sur des échasses. Mireharehа, mieboebo.

ÉCHASSIER, *sm.* Ny vorona lava fingotra toy ny vano, ny ostritsa.

ÉCHAUDÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Voalotra, nolorana, tsovaka, voatsovaka, natsovaka, notsovahana, nitsovaka. 2° *fig.* Voa, maty antoka.

ÉCHAUDER, *va.* Mandótra amy ny rano mafana, manatsovaka. —un poulet. *Mandótra* akoho *amy ny rano mafàna.* Il lui échauda la main avec de l'huile bouillante. *Nanatsovaka* ny tánany tamy ny solika mangotraka izy.

S'échauder, *vpr.* 1° Mitsovaka. Il s'est échaudé la main. *Nitsovaka* ny tánany. 2° *fig.* Voa, maty antoka. Il s'est échaudé dans cette affaire. *Voa, maty antoka* tamin' izany raharaha izany izy.

ÉCHAUFFANT, ANTE, *adj.* Mahafana. Aliments échauffants. Hanina *mahafana.*

—, *sm.* Hanina na fisotro mahafana.

ÉCHAUFFÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Nafanaina, mafana. 2° *fig.* Mirehitra, taitra, tezitra, misondro-dra.

—, *sm.* Hasiso. Sentir l'—. *Masiso.*

ÉCHAUFFEMENT, *sm.* Fangotraka. L'— du sang. Ny *fangotraky* ny ra.

ÉCHAUFFER, *va.* 1° Mamana, mahafana. Les oiseaux échauffent leurs petits sous leurs ailes. Ny voro-manidina *mamana* ny zanany ao ambanin' ny elany. Cette course l'a échauffé. *Nahafana* azy izany hazakazaka izany. Le rhum échauffe. *Mahafana* ny toaka. 2° *fig.* Manafana, mahafana, mampirehitra, mahataitra, mahatezitra, mampisondro-dra. Son langage échauffa tous les cœurs. *Nanafana, nahafana* ny fon' ny olona rehetra ny teny nataony. —le sang, la bile à quelqu'un. *Mahatezitra, mampisondro-dra* olona.

S'échauffer, *vpr.* 1° Mihafana, mihamafana. La chambre s'échauffe. *Mihafana*, etc., ny efi-trano. 2° *fig.* Mihamafana, mirehitra, mihamafy, taitra, tezitra, misondro-dra. Leur courage s'échauffe dans la mêlée. *Mihamafana, mirehitra* ny herim-pon' izy ireo eny amy ny ady. La querelle s'échauffe. *Mihamafana, mirehitra, mihamafy* ny fifandirana. Ne vous échauffez pas tant. Aza *taitra, tezitra, misondro-dra* tahaka izany hianao.

ÉCHAUFFOURÉE, *sf.* Ady sendrasendra, ady tsitointoina.

ÉCHAUFFURE, *sf.* Voapano.

ÉCHÉANCE, *sf.* Paik' andro, fetr' andro. Il n'a pu payer sa dette le jour de l'—. Tsy nahaloa trosa tamy ny *paik' andro*, etc., izy.

ÉCHEC, *sm.* 1° Faharesena. Les ennemis éprouvèrent un rude—. *Resy* dia resy ny fahavalo. 2°—, Fatiantoka, fahafaham-baràka, tsy fahombiazana, fisakanana. C'est un—à sa fortune. *Fatiantoka* ho azy izany. C'est un—à son honneur. *Manala baràka* azy izany. Il a essuyé un nouvel—. *Tsy nahomby* indray izy. Tenir en—. *Misakana* ny fahavalo.

—, *sm. pl.* Karazan-tsilalao, tsesy.

ÉCHELLE, *sf.* 1° Tohatra. —de corde. *Tohatra* mahazaka. —double. *Tohatra* mahazo miforitra. Faire la courte —. Mifanao *tohatra.* Escalader un mur à la courte—. Mifanao *tohatra* hananika ampiantany. 2°—, Ambaratonga. —d'un thermomètre. *Ambaratonga* amy ny termometra. 3° *fig.* Faire à quelqu'un la courte—. Manampy olona. Après lui il faut tirer l'—. Tsy misy hahomby azy. L'—sociale. Ny fahamboniana sy fahambanian-toetra. Il est au dernier degré de l'—sociale. Faraidiny izy. Il sort des derniers degrés de l'—sociale. Avy amy ny faraidiny, firinga mievotra izy.

ÉCHELON, *sm.* 1° Zana-tohatra, tanantohatra. 2° *fig.* Ambaratonga. Il est arrivé par échelons au grade de général. Nitety *ambaratonga* maro izy vao tonga jeneraly. Il est descendu d'un—. Nidina *ambaratongam*-boninahitra iray izy. ‖ *loc.* Disposer des troupes par échelons. Mandahatra miaramila mitohitohy.

ÉCHELONNER, *va.* Mandahatra mitohitohy.

S'échelonner, *vpr.* Milahatra mitohitohy.

ÉCHEVEAU, *sm.* Irána. Acheter un—de fil. Mividy tarotra iray *irána.* Mettre en—. *Manira.*

ÉCHEVELÉ, ÉE, *adj.* Misafotofoto volon-doha. Cet enfant est tout—. *Misafotofoto* be hiany ny *volon-dohan'* itsy zaza kely itsy.

ÉCHINE, *sf.* 1° Lamosina, taolan-damosina. 2° *fig.* Avoir l'— flexible. Miondrikondrika, mandoka, mandady.

ÉCHINER, *va.* 1° Manapaka taolan-damosina. 2°—, Mamono mahafaty, manjezika, mandabodaboka. Voy. ASSOMMER.

S'échiner, *vpr.* Mamono tena.

ÉCHO, *sm.* 1° Ako. Faire —. *Manako.* 2° *fig.* Mpamorin-teny. La calomnie trouve ordinairement des échos. Matetika ny endrikendrika *averimberin'* ny sasany.

ÉCHOIR, *vn.* 1° Lasana, azo. Le cheval lui est échu en partage. *Lasany, azony* ho aniarany ny soavaly. 2° —, Paik' andro, fetr'andro. Votre paiement échoit à la fin du mois. Ny faran' ny volana no *paik' andro, fetr' andro* handoavanao trosa. ‖ *loc.* Le cas échéant. Raha tahiny azo atao, araka ny toe-draharaha.

ÉCHOPPE, *sf.* Trano kely fivarotana mitamotify.

ÉCHOUAGE, *sm.* Fifefika, fifefehana.

ÉCHOUEMENT, *sm.* Famefehana, fampiantsonana.

ÉCHOUER, *vn.* 1° Mifefika, fefika, mihitsoka, miantsona. Le navire échoua contre un rocher. *Fefika* tamy ny harambato ny sambo. Le navire échoua sur un banc de sable. *Nifefika,* etc., tamy ny fasika ny sambo. La baleine échoua sur la côte. *Niantsona* tao amorondrano ny trozona. 2° *fig.* Tsy vanona, tsy tanteraka, tsy mahomby. L'entreprise a échoué. *Tsy vanona* ny raharaha. Ses projets échouèrent. *Tsy tanteraka* ny fikasany. N'entreprenez pas cette affaire, vous y échouerez. Aza miantomboka amin' izany raharaha izany, fa *tsy hahomby* hianao.

—, *va.* Mamefika, mampihitsoka, mampiantsona.

S'échouer, *vpr.* Mifefika, mihitsoka, miantsona.

ÉCLABOUSSEMENT, *sm.* Fampipitihana fotaka, fampiporitiham-potaka.

ÉCLABOUSSER, *va.* Mampipitika fotaka, mampiporitika fotaka. Le cheval qui galopait m'a éclaboussé. Ny soavaly niriotra *nampipitika,* etc., *fotaka* tamiko.

S'éclabousser, *vpr.* Mihoso-potaka.

ÉCLABOUSSURE, *sf.* Rihi-potaka mipitika, —miporitika. Votre manteau est couvert d'éclaboussures. Feno *rihi-potaka nipitika, —niporitika* ny kapaotinao.

ÉCLAIR, *sm.* 1° Helatra, hela-baratra. Il a fait des éclairs toute la nuit. *Nanelatrelatra* nandritra ny alina. La gloire passe comme un —. Mandalo hoatry ny *helatra* ny voninahitra. 2° *fig.* Fanjelatra. Ses yeux lancent des éclairs. *Manjelatra* ny masony.

ÉCLAIRAGE, *sm.* Fanazavana. Combien dépensez-vous pour l'— de votre collège? Hoatrinona no laninao amy ny *hanazavana* ny kolejinao?

ÉCLAIRCIE, *sf.* 1° Fisavan' ny andro, fangakan' ny lanitra. 2° —, Ny tsy misy hazo ao anaty ala.

ÉCLAIRCIR, *va.* 1° Manazava, manadio. Le vent a éclairci le temps. Ny rivotra *nanazava, nanadio* ny andro. Ceci éclaircit la vue, la voix. Ity zavatra ity *manazava* ny maso, ny feo. 2°—, Mampisava, mahavitsy, mampahanify. Le canon a éclairci les rangs des soldats. Ny tafondro *nampisava* ny laharan' ny miaramila, *nahavitsy* ny miaramila. —un bois. *Mampahanify* ny ala. 3°—, Manatsora. Éclaircissez cette sauce. *Hatsorao* io ro io. 4° *fig.* Manazava. —une affaire. *Manazava* raharaha.

S'éclaircir, *vpr.* 1° Mibamazava, mihamadio. 2°—, Misava, mihavitsy, mihamanify. 3°—, Mihamatsora. 4° *fig.* Mihamazava, mamotopototra. L'horizon s'éclaircit. *Mihamazava* ny toe-draharaha. Je doute de cette nouvelle, je veux m'en —. Mampisalasala ahy izany zava-baovao izany, ka ta-*hamotopototra* azy aho.

ÉCLAIRCISSEMENT, *sm.* Fanazavana. Donnez-moi des éclaircissements sur cette affaire. *Hazavao* amiko izany raharaha izany.

ÉCLAIRÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Voazava, nohazavaina, mazava. 2°—, Notsilovina. 3° *fig.* Mahay. C'est un juge—. Mpitsara *mahay* io.

ÉCLAIRER, *va.* 1° Manazava. Le soleil éclaire la terre. Ny masoandro *manazava* ny tany. La bougie éclaire bien la chambre. *Manazava* tsara ny efitrano ny jiro. 2°—, Mitsilo. Éclairez les étrangers avec une torche. *Tsilovy* amy ny fanilo ny vahiny. 3° *fig.* Manazava. La religion éclaire les hommes. Ny fivavahana *manazava* ny sain' ny olona.

—, *vn.* Mazava, manazava. Cette bougie n'éclaire pas. Tsy *mazava,* tsy *manazava* io labozy io.

—, *v imp.* Manelatra. Il éclaire. *Manelatra* ny andro.

S'éclairer, *vpr.* 1° Hazavaina. 2° *fig.* Mandroso fahaizana.

ÉCLAIREUR, *sm.* Mpitsikilo, tily, mpisafo.

ÉCLAT, *sm.* 1° Silaka, sima-kazo, pibato. —de bois. *Sila-kazo, sima-kazo.*

Un — de pierre le blessa au visage. Nisy *sila*-bato, *pi*-bato anankiray nandratra ny tarehiny. —de bombe. *Sila*-bomba. 2° —, Fikotrokotroka, hamafy. Cet — de tonnerre m'a fait trembler. Nampangovitra ahy izany *fikotrokotroky* ny varatra izany. Faire entendre un — de voix. Manao feo *mafy*. || *loc.* Rire aux éclats, faire entendre des éclats de rire. Mikakakaka. 3° —. Famirapiratra. On ne saurait soutenir l'— du soleil. Tsy azo jerena ny *famirapiratry* ny masoandro. 4° *fig.* Haresaka, laza ratsy. Cette affaire fait de l'—. *Maresaka* izany rahariaha izany. Il faut assoupir cette affaire pour éviter l'—. Tokony hosarontsaronana izany raharaha izany sao tonga *maresaka*, mampahazo *laza ratsy*. 5° —, Voninahitra, laza, famirapiratra, renty. Il a paru avec — à la cour. Niseho tamim-*boninahitra* tao anaty rova izy. Cette ville jetait encore un vif —. Mbola *nalaza* dia nalaza tamin' izay izany tanána izany. Il fut ébloui par l'— des grandeurs. Voasodóky ny *famirapiratry* ny voninahitra izy. Ce style a de l'—. Be *renty* izany laha-teny izany.

ÉCLATANT, ANTE, *adj.* 1° Mamirapiratra, mangirangirana, manjelajelatra, manjopiaka. Pierreries éclatantes. Vatosoa *mamirapiratra, mangirangirana, manjelajelatra*. D'une blancheur éclatante. Fotsy *manjopiaka*. 2° —, Mikotrokotroka, mafy. Le son — du tonnerre. Ny *fikotrokotroky* ny varatra. Voix éclatante. Feo *mafy*. || *loc.* Rire —. Fikakakaka. Rire — d'une multitude. Hehy riam-baky. 3° *fig.* Malaza, manehoeho, mamirapiratra, mahagaga. Il a remporté une victoire éclatante. *Nalaza, nanehoeho* ny fandresena nataony. Vertu éclatante. Hatsaram-panahy *mahagaga*.

ÉCLATER, *vn.* 1° Vaky miparitaka, — miparitaka, — miparasaka, mipoaka. Le verre éclata. *Vaky nipariaka, niparitaka, niparasaka* ny fitaratra. La bombe éclate. *Mipoaka* ny bomba. 2° —. Mikotrokotroka. Le tonnerre éclate. *Mikotrokotroka* ny varatra. || *loc.* — de rire. Mikakakaka. 3° —, Mamirapiratra. Les pierreries éclatent sur son diadème. Ny vatosoa *mamirapiratra* amy ny satroboninahiny. 4° *fig.* Miseho, miposaka. Sa fureur éclate. *Miseho*, etc., ny haromotany. 5° —, Misafoaka. Ce fut alors qu'il éclata. *Nisafoaka* tamin' izay izy. — en injures contre quelqu' un. *Misafoaka* amin' olona, maniratsira olona.

ÉCLIPSE, *sf.* Fanakonana. — de soleil. *Fanakonana* ny masoandro, alin-kely. — de lune. *Fanakonana* ny volana.

ÉCLIPSER, *va.* 1° Manakona. La lune éclipse quelquefois le soleil. Indraindray ny volana *manakona* ny masoandro. 2° *fig.* Mandresy, mihoatra. Son nom éclipsait tous les autres. Ny voninahiny *nandresy, nihoatra* ny any ny sasany.

S'éclipser, *vpr.* 1° Takona. 2° *fig.* Miala, levona. Il s'éclipsa tout d'un coup. *Niala* tampoka izy. Sa gloire s'est éclipsée. *Levona* ny voninahiny.

ÉCLIPTIQUE, *sf.* Ny lálana alehan'ny masoandro isan-taona.

ÉCLISSE, *sf.* Harato, hamatra.

ÉCLISSER, *va.* Manisy harato, manarato, manamatra. On lui a éclissé le bras. *Noharatoana, nohamarina* ny sandriny.

ÉCLOPPÉ, ÉE, *adj.* et *s.* Mandringa, mitari-pe.

ÉCLOPPER, *va.* Mampandringa.

S'éclopper, *vpr.* Mandringa.

ÉCLORE, *vn.* 1° Foy. Voilà des poussins qui viennent d'—. Indreo zanak'akoho vao *foy*. La chaleur fait — les vers à soie. Ny hafanana *mahafoy* ny atodin-tsamoina. 2° —, Mivelatra. Le soleil fait — les fleurs. Ny masoandro *mampivelatra* ny voninkazo. 3° *fig.* Miseho, miposaka. Ses projets éclôront bientôt. *Hiseho, hiposaka* vetivety ny zavatra kasainy hatao.

ÉCLOS, OSE, *p.* et *adj.* 1° Foy. 2° —, Mivelatra, tafavelatra. 3° *fig.* Miseho, miposaka.

ÉCLUSE, *sf.* Vavahadin-drano.

ÉCŒURÉ, ÉE, *adj.* Madikidiky.

ÉCŒURER, *va.* Mahadikidiky.

ÉCOLE, *sf.* 1° Trano fianarana, — sekoly. L'— est trop petite. Kely loatra ny *trano fianarana*, etc. 2° —, Fianarana. Ce garçon manque souvent l'—. Diso *fianarana* matetika io zazalahy io. 3° —, Mpianatra, sekoly. L'— est à la promenade. Lasa nitsangantsangana ny *mpianatra*, etc. 4° —, Fampianarana, fianarana, fakan-tahaka. L'— de saint Thomas. Ny *fampianarany* Md. Toma. Il s'est formé à l'— des plus grands généraux. *Nianatra* tamy ny jeneraly malaza izy, teo ambany saokan' ny jenera-

ly malaza izy. Il fait —. *Ianarana, alain-takaka* izy. || *loc.* Il est devenu sage à l' — du malheur. Nampahendry azy ny fahoriana.

ÉCOLIER, IÈRE, *s.* 1° Mpianatra, sekoly. 2° *fig.* Zazavao. Il est encore —. Mbola *zazavao* izy. || *loc.* Prendre le chemin des écoliers. Manalavi-dàlana.

ÉCONDUIRE, *va.* Mampiala moramora. J'ai éconduit cet importun. *Nampiala moramora* io mpanahirana io aho.

ÉCONOMAT, *sm.* Raharaha na tranon' ny mpitam-bola.

ÉCONOME, *sm.* Mpitahiry vola, mpitam-bola ao amy ny kolejy, amy ny trano fitsaboana, etc.

—, *adj.* Mahay mitsitsy vola, matsitsy, kely fandany.

ÉCONOMIE, *sf.* 1° Fitsitsiana, fandalana. Il a de l'—dans sa dépense. *Mitsitsy, mandala* ny vola fandaniny izy. 2°—, Ny vola sisa tsy lany. Il donne ses économies aux pauvres. Omeny ny mahantra *ny vòla sisa tsy laniny.* 3°—, Fandaminan-karena. Il règne chez lui une— admirable. Mahagaga ny *fandaminany* ny vola laniny ao an-trano. Traité d'— rurale. Boky momba ny *fandaminana* ny fambolen-javatra. Traité d'—politique. Boky momba ny *fandaminana* ny harena. 4° *fig.* Filaminana, filaminan' ny zavatra rehetra ao amy ny laha-teny.

ÉCONOMIQUE, *adj.* 1° Mahalany kelikely kokoa. 2°—, Momba ny fandaminankarena. Science—. Fahaizana *momba ny fandaminan-karena.*

ÉCONOMIQUEMENT, *adv.* Matsitsy, kely fandany. Il vit—. *Matsitsy,* etc., amy ny fivelomana izy.

ÉCONOMISER, *va.* 1° Mitsitsy, mandala. Économisez le riz. *Tsitsio* ny vary. Il cherche à—. Mitady *hitsitsy, handala* ny fananany izy. 2° *fig.* Tsy mandany foana, mahihitra. Il économise son temps. *Tsy mandany foana* ny androny, *mahihitra* andro izy.

ÉCONOMISTE, *sm.* Mpanao laha-teny an-tsoratra momba ny fandaminana ny harena.

ÉCORCE, *sf.* 1° Hodi-kazo, hodi-boankazo sasany. —de pêcher. *Hodi*-paiso. —de citron. *Hodi*-boasary. 2° *fig.* Ny ivelany. Ne vous arrêtez pas à l' —. Aza mitsara araka *ny ivelany.*

ÉCORCER, *va.* Manendaka, mivaofy. Écorcez ce pêcher. *Endaho* io paiso io. —une orange. *Mivaofy* laoranjy.

S'écorcer, *vpr.* Miendaka.

ÉCORCHÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Voaendakoditra, nendahan-koditra, mienda-koditra. 2°—, Voaempaka, nempahina, miempaka, miovaka.

ÉCORCHER, *va.* 1° Manenda-koditra. Écorchez le bœuf. *Endaho hoditra* ny omby. 2°—, Manendaka, mampiendaka, manempaka, mampiempaka, mampikipaka, mampiovaka. La charrette a écorché cet arbre. Ny sarety no *nanendaka, nampiendaka, nampikipaka* ny *hoditr'* io hazo io. Vous m'avez écorché la jambe. *Nanempaka, nampiempaka, nampikipaka, nampiovaka* ny ranjoko hianao. 3° *fig.* Manao lafo, manao an-trano tokana. Ce marchand écorche. *Manao lafo,* etc., io mpivarotra io. || *loc.* Il écorche le malgache. Tsy mahay miteny, ratsy fanonona ny fiteny malagasy izy. Sa voix écorche les oreilles. Mahadilo ny sofina ny feony.

S'écorcher, *vpr.* Miempaka, mikipaka, miovaka. Je me suis écorché la main. *Niempaka, nikipaka, niovaka* ny tanako.

ÉCORCHEUR, *sm.* 1° Mpanenda-koditra. 2° *fig.* Mpanao lafo, mpanao antrano tokana.

ÉCORCHURE, *sf.* Fiendahana, fiendaka, fiempaka, fikipaka, fiovaka.

ÉCORNER, *va.* 1° Manapa-tandroka. — un bœuf. *Manapa-tandrok'* omby. 2° *fig.* Mamono zoro, mandemba—. Il a écorné cette pierre de taille. *Namono, nandemba* ny *zoron'* io vato voapaika io izy. 3° *fig.* Anesorana. On a écorné son traitement. *Nanesorana* ny karamany.

ÉCORNIFLER, *va.* Mitakarina.

ÉCORNIFLEUR, EUSE, *s.* Mpitakarina.

ÉCOSSER, *va.* Mivaofy, miofy. —des haricots. *Mivaofy,* etc., tsaramaso.

S'écosser, *vpr.* Miala ny hodiny.

ÉCOSSEUR, EUSE, *s.* Mpivaofy.

ÉCOT, *sm.* Latsakemboka atao amy ny fihinanana. J'ai payé mon—, payez le vôtre. Efa naloako ny *latsakemboko tamy ny fihinanana,* ka aloavy ny anao.

ÉCOULÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Ritra. Le torrent est—. *Ritra* ny riaka. 2° *fig.*

Lasa, tapitra, lany. L'année est écoulée. *Lasa, tapitra* ny taona. Mes marchandises sont écoulées. *Lany* ny entako.

ÉCOULEMENT, *sm.* 1° Fandeha, fivoahana. L'—de l'eau se fait bien. *Mandeha, mivoaka* tsara ny rano. 2° *fig.* Fahalafosana. Cette étoffe n'a pas d'—. Tsy *lafo* izany lamba izany.

ÉCOULER, *vn.* 1° Mandeha, mivoaka, miala. Faire—l'eau. *Mampandeha, mamoaka* ny rano. Laissez—la foule Avelao *handeha, hiala* ny vahoaka. 2° *fig.* Faire—les marchandises. Mahalafo, mivarotra.

—, *va.* Mahalafo. Ce marchand écoule ses marchandises. *Mahalafo* ny varony io mpivarotra io.

S'écouler, *vpr.* 1° Mandeha, mivoaka, miala. L'eau s'écoule. *Mandeha, mivoaka* ny rano. Le vin s'écoule du tonneau. *Mivoaka* amy ny barika ny divay. La foule s'écoule. *Mivoaka, miala* ny vahoaka. 2° *fig.* Mandalo, lafo. Les années s'écoulent rapidement. *Mandalo* haingana ny taona. Mes marchandises s'écoulent. *Lafo* ny entako.

ÉCOURTÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Fohy, nohafohezina, fohy loatra, nohafohezina loatra. 2°—, Bory, noboriana, folondrambo, nofolonan-drambo, tapadrambo, koro, nokoroina.

ÉCOURTER, *va.* 1° Manafohy, manafohy loatra. —un manteau. *Manafohy* kapaoty. 2°—, Mambory, mamolon-drambo, manapa-drambo, manakoro. —un chien. *Mambory* alika, *mamolona, manapaka rambon'* alika, *manakoro* alika. 3° *fig.* Manafohy loatra. —un récit. *Manafohy loatra* tantara anankiray.

ÉCOUTE, *sf.* 1° Fitoerana miafina fihainoana. 2° *fig.* Être aux écoutes. Mihaino tsara, mitsikilo.

ÉCOUTER, *va.* 1° Mihaino, manaiky, mino. —attentivement. *Mihaino* tsara, mampandry sofina, manongilan-tsofina. Il écoutait attentivement sa parole. *Nihaino* tsara ny teniny, *nampandry sofina, nanongilan-tsofina* tamy ny teniny izy. Écoutez votre mère. *Ekeo* ny reninao. N'écoutez pas les flatteurs. Aza *mihaino*, etc., ny mpandoka. 2° *fig.* Manaraka. Il n'écoute que ses passions.Tsy *manaraka* afa-tsy ny filandratsiny izy.

S'écouter, *vpr.* Miahiahy tena. Il s'écoute trop. *Miahiahy tena* loatra izy.

ÉCRAN, *sm.* Fiaro afo.

ÉCRASANT, ANTE, *adj.* Mampivokaiky, mahatrotraka, mamoritra.

ÉCRASÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Voatorotoro, notorotoroina, montsana, nomontsanina, voatoto, nototoina, voakosoka, nokosohina, voahosy, nohosena, voaporitra, noporitina, voafoy, nofoizina. 2° *fig.* Mivokaiky, trotraka, sahirana, poritra, tototra. Il est—sous le poids du fardeau. *Mivohaiky* azon' ny entana mavesatra izy. Il est—de demandes. *Sahiran'* ny fangatahana betsaka izy. Le peuple est—de corvées. *Poritra, tototry* ny fanompoana ny vahoaka. 3°—, Resy, levona. L'ennemi est—. *Resy, levona* ny fahavalo. 4°—, Petaka, lesoka, iva loha. Il a le nez—. *Petaka* orona izy. Qui a le milieu du nez—. *Lesoka.* Le comble de cette maison est—. *Iva loha* io trano io.

ÉCRASER, *va.* 1° Manorotoro, manamontsana, mitoto, mikosoka, manosy, mihosy, mamoritra, mifoy. —une araignée. *Manorotoro,manamontsana* hala. Une poutre lui a écrasé la tête. Nisy sakamandimby anankiray *nanorotoro* ny lohany. —avec le pilon. *Mitoto.* —avec une pierre, un bâton. *Mikosoka.* —les raisins avec les pieds. *Manorotoro* voaloboka amy ny tongotra, *manosy* voaloboka. Les bœufs écrasent les mottes des rizières. *Mihosy* ny tanimbary ny omby. —des raisins dans la main. *Mamoritra* voaloboka amy ny tánana. —des puces avec les ongles. *Mifoy* parasy. 2° *fig.* Mampivokaiky, mahatrotraka, manahirana, mamoritra, manototra. Le fardeau l'écrase. *Mampivokaiky* azy ny entana. Ce travail l'écrase. *Mahatrotraka* azy izany asa izany. On l'écrase de visites. *Sahiran'* ny famangiana betsaka izy. Les impôts écrasent le peuple. *Mamoritra* ny vahoaka ny hetra. 3°—, Mandresy, mandevona. La puissance romaine écrasa toutes les autres. Ny fanjakana romana *nandresy, nandevona* ny hafa.

S'écraser, *vpr.* Torotoro, torotoroina, montsamontsana, montsamontsanina. Les framboises s'écrasent. *Torotoroina, montsamontsanina* ny voaroìntsaka.

ÉCRÉMER, *va.* 1° Manala hero-dronono. 2° *fig.* Mifidy ny tsara indrindra.

ÉCREVISSE, *sf.* Orana.

ÉCRIER (S'), *vpr.* Miantso mafy, manao antso avo. Arrêtez, s'écria-t-il. Mi-

janóna, hoy izy *niantso mafy*. Il s'écria que c'était une injustice. *Nanao antso avo* izy nanao hoe, tsy marina izany.

ÉCRIN, *sm*. Vata kely fitoeram-bakana.

ÉCRIRE, *va*. 1° Manoratra, manao antsoratra, mampandre amy ny taratasy. Il écrit une lettre. *Manoratra* taratasy ampitondraina izy. Comment écrivez-vous ce mot? Ahoana no *fanoratrao* izany teny izany? Il écrit tous les jours ses dépenses. *Ataony an-tsoratra* isan' andro ny laniny. Je lui écrirai toutes les nouvelles. *Hosoratako* aminy, *hampandreneşiko* azy ny zava-baovao rehetra. 2° *fig*. Mamorona, manao. Il écrit l'histoire de Madagascar. *Mamorona,* etc., ny tantarany Madagaskara izy. 3° —, Misokitra, mandatsaka. Dieu a écrit sa loi dans nos cœurs. Andriamanitra *nisokitra, nandatsaka* ny lalány tao am-pontsika.

—, *vn*. 1° Manoratra, mampitondra taratasy. Il commence à—. Vao miana-*manoratra* izy. Il écrit mal. Ratsy *fanoratra* izy. Je lui ai écrit deux fois. *Nanoratra* taminy indroa, *nampitondra taratasy* azy indroa aho. 2° *fig*. Manao laha-teny an-tsoratra. Il est sans cesse à—. *Manao laha-teny an-tsoratra* lalandava izy. Il est savant, mais il ne sait pas—. Mahay hiany izy, fa tsy mahay *manao laha-teny an tsoratra*.

S'écrire, *vpr*. Soratana, fanoratra, mifampitondra taratasy. Ce mot s'écrit ainsi. Toy izao no *fanoratra* izany teny izany.

ÉCRIT, *sm*. 1° Taratasy misoratra. Il tira un — de sa poche. Naka *taratasy misoratra* tao am-paosiny izy. Mettre par—. *Manoratra,* manao *an-tsoratra*. 2°—, Taratasy fanekena. Signer un—. Manisy sonia *taratasy fanekena*. 3°—, Laha-teny an-tsoratra. C'est un — plein de goût. Kanto io *laha-teny an-tsoratra* io.

ÉCRIT, ITE, *p*. et *adj*. 1° Voasoratra, nosoratana, vita an-tsoratra, misoratra. Il a prononcé un discours—. Nanao lahateny vita *an-tsoratra* izy. Donnez-moi du papier—. Omeo taratasy *voasoratra, misoratra* aho. 2° *fig*. Voaforona, noforonina, natao. C'est un livre — pour les enfants. *Noforonina, natao* ho any ny ankizy madinika io boky io. 3°—, Voasokitra, nosokirina, nalatsaka, tafalatsaka, latsaka.

ÉCRITEAU, *sm*. Taratasy filazana apetaka.

ÉCRITOIRE, *sf*. 1° Fitoeram-panoratana. 2°—, Fitoeran-dranomainty.

ÉCRITURE, *sf*. Sora-tánana, soratra, fanoratra. Son — est lisible. Azo vakina ny *sora-tanany*, ny *sorany*. Il a une belle—. Tsara *sora-tanana, fanoratra* izy. Tenir les écritures. *Mpanoratra* ny vola miditra sy mivoaka. L'— sainte ou les Écritures. Ny *Soratra* Masina.

ÉCRIVAILLER, *va*. Manoratsora-poana.

ÉCRIVAILLEUR, *sm*. Mpanoratsora-poana, mpamorom-boky tsinontsinona.

ÉCRIVAIN, *sm*. 1° Mpanoratra. 2°—, Mpamorom-boky.

ÉCRIVASSIER, *sm*. Comme ÉCRIVAILLEUR.

ÉCROU, *sm*. Ambavin-drindram-by, — drindran-kazo.

ÉCROUELLES, *sf. pl*. Comme SCROFULES.

ÉCROUER, *va*. Mandatsaka an-tranomaizina.

ÉCROULEMENT, *sm*. Fikoa, fihotsaka, fianjera, firodana. Comme ÉBOULEMENT.

ÉCROULER (S'), *vpr*. 1° Mikoa, mihotsaka, mianjera, mirodana. Comme S'ÉBOULER. 2° *fig*. Efa ho rava, efa ho levona. L'empire s'écroule. *Efa ho rava,* etc., ny fanjakana.

ÉCU, *sm*. 1° Ampingan' ny mpitaingintsoavaly fahiny. 2°—, Zavatra misy ny famantaram-piandrianana. 3°—, Farantsa taloha mitovy lanja amy ny sikajy dimy. 4° *fig*. Harena. Il a des écus. Manan-*karena* izy.

ÉCUEIL, *sm*. 1° Harambato. Le navire donna sur un—. Nidona tamy ny *harambato* ny sambo. 2° *fig*. Fanafintohinana. Le monde est plein d'écueils. Feno *fanafintohinana* izao tontolo izao.

ÉCUELLE, *sf*. Lovia.

ÉCUELLÉE, *sf*. Eran' ny lovia, iray lovia.

ÉCULER, *va*. Mampirehoka (kiraro).

S'éculer, *vpr*. Mirehoka.

ÉCUMANT, ANTE, *adj*. 1° Mamorivory, mandoa vory, mandroadroatra. 2° *fig*. —de rage. Misafoaka, mandroatra, romotra, gaigy.

ÉCUME, *sf.* 1° Vory, roatra. L'—des eaux. Ny *vorin*-drano. L'—du savon. Ny *vorin*-tsavony. L'—d'un cheval. Ny *vorim*-bavan-tsoavaly. L'—du riz. Ny *roa*-bary. L'—du lait. Ny *roa*-dronono. L'—de la bière. Ny *roatry* ny labiera. 2° *fig.* Faraidiny. L'—de la société. Ny *faraidiny* amy ny vahoaka.

ÉCUMER, *vn.* 1° Mamorivory, mandoa vory, misafoaka, mandroatra. La mer écume. *Mamorivory, mandroatra* ny ranomasina. Le cheval écume. *Mandoa vory* ny soavaly, *misafoaka* ny *vorim*-bavan' ny soavaly. La bière écume. *Mandroatra* ny labiera. Le riz écume. *Mandroatra* ny vary. 2° *fig.* —de colère. Misafoaka, mifoaka, mandroatra, misamontotra.

—, *va.* 1° Manala roatra, misodika. Écumez le riz. *Roaty* ny vary. Écumez le pot. *Sodiho* ny ro. 2° *fig.* —les mers Mamabo eny ambonin' ny ranomasina.

ÉCUMEUR, *sm.* 1° Mpanala roatra, mpisodika. 2° *fig.* —de mer. Mpamabo eny ambonin' ny ranomasina.

ÉCUMEUX, EUSE, *adj.* Mamorivory, mandoa vory, mandroadroatra. Flots —. Onjan-dranomasina *mamorivory, mandroadroatra.* Il a la bouche écumeuse. *Mandoa vory* ny vavany.

ÉCUMOIRE, *sf.* Fanalan-droatra, fisodihana.

ÉCURER, *va.* 1° Mandoatra fotaka. —un puits. *Mandoatra fotaka* amy ny fantsakana. 2° —, Mamotsy. —la poêle. *Mamotsy* lapoaly.

ÉCUREUIL, *sm.* Karazam biby lava rambo mitovitovy amy ny bitro.

ÉCURIE, *sf.* Tranon-tsoavaly.

ÉCUSSON, *sm.* Zavatra misy famantaram-piandrianana.

ÉCUYER, *sm.* Mpitandrina ny soavalin' ny mpanjaka, mpampianatra ny fitaingenan-tsoavaly, mpamola-tsoavaly. Il est bon—. Mahay *mamola-tsoavaly* izy.

ÉCUYÈRE, *sf.* Vehivavy mahay mitaingin-tsoavaly. Bottes à l'—. Baotin' ny *mpitaingin-tsoavaly.*

ECZÉMA, *sm.* Aretin-koditra toy ny hazaka.

ÉDENTÉ, ÉE, *p.* et *adj.* Banga ridana. Une vieille édentée. Vaviantitra *banga ridana.*

ÉDENTER, *va.* Mahabanga, mambanga. La vieillesse nous édente. Ny fahanterana *mahabanga* antsika. —une scie. *Mambanga* tsofa.

S'édenter, *vpr.* Mihabanga.

ÉDICTER, *va.* Mandidy. Infligez-lui les peines édictées par la loi. Fa*iz*o arakà izay *voadidin'* ny lalána izy.

ÉDIFIANT, ANTE, *adj.* Mitarika amy ny tsara, mitaona—. Sa conduite est édifiante *Mitarika amy ny tsara,* etc., ny fitondran-tenany.

ÉDIFICATION, *sf.* 1° Fanorenana. L'—du temple. Ny *fanorenana* ny tempoly. 2° *fig.* Fitarihana amy ny tsara, fitaomana—. Dites un mot d'—. Milazà teny vitsivitsy *mitarika, mitaona amy ny tsara.*

ÉDIFICE, *sm.* 1° Trano lehibe. Le palais est un magnifique—. Ny lapa dia *trano lehibe* sady mahafinaritra. 2° *fig.* L'—social s'écroule. Efa ho levona ny fanjakana.

ÉDIFIER, *va.* 1° Manorina. —un palais. *Manorina* lapa. 2° *fig.* Mitarika amy ny tsara, mitaona amy ny tsara. — le prochain. *Mitarika, mitaona* ny namana *amy ny tsara.* 3° —, Manambara, milaza. Édifiez-moi sur ce projet. *Anambarao, ilazao* ny amin' izany fikasana izany aho.

ÉDIT, *sm.* Didy.

ÉDITER, *va.* Mampanonta boky.

S'éditer, *vpr.* Tontaina, atonta.

ÉDITEUR, *sm.* Mpampanonta boky no foronin'olona, editora. —responsable. *Editora* mpiantoka ny teny amy ny gazety.

ÉDITION, *sm.* Fanontam-boky. Ce livre en est à sa troisième —. Ity boky ity dia *atonta* fanintelony.

ÉDUCATION, *sf.* 1° Fampianarana, fianarana. Ayez soin de l'— de vos enfants. Tandremo ny *fampianarana* ny zanakao. Maison d'—. Trano *fianarana.* 2° —, Fomba fanajana. Cet homme est sans —. Tsy mahalala *fomba fanajana* io lehilahy io. 3° —, Fiompiana. Il se livre à l'— des abeilles. *Miompy* renitantely izy.

ÉDUQUER, *va.* 1° Mampianatra. 2° —, Mampianatra fomba fanajana.

ÉFAUFILER, *va.* Mamaha lamba.

EFFACÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Voavono, novonoina, maty, voakosoka, nokosohina. 2° *fig.* Levona, nolevonina, very tadidy, nampanadinoina, afaka, nalana, nesorina. 3° —, Nihoarana, nahemotra.

EFFACER, *va.* 1° Mamono, mikosoka. Effacez ce mot. *Vonoy, kosohy* io teny io. 2° *fig.* Mandevona, mahavery tadidy,

mampanadino, manafaka, manala, manesotra. Le temps a effacé le souvenir de cet événement. Ny ela *nandevona* ny fahatsiarovana izany zavatra niseho izany, *nahavery tadidy* izany zavatra niseho izany. Ses caresses ont effacé sa faute. Ny tambitamby nataony *nampanadino* ny hadisoany. Ses larmes ont effacé ses crimes. Ny ranomasony *nanafaka, nanala, nanesotra* ny helony. 3°—, Mihoatra, mampihemotra. Ce général a effacé tous ceux qui l'ont précédé. Izany jeneraly izany *nihoatra* izay rehetra talohany. Effacez l'épaule gauche. *Ahemory* ny sorokao ankavia.

S'effacer, *vpr.* 1° Vonoina, maty. 2° *fig.* Mihalevona, very tadidy, ampanadinoina, afaka, alána, esorina. 3°—, Manetry tena, ihoarana, mihemotra. Effacez-vous un peu plus. *Mihemora* kely kokoa.

EFFARÉ, ÉE, *adj.* Mivadi-po. Il a le visage—. Miendrik'olona *mivadi-po* izy.

EFFAREMENT, *sm.* Fivadiham-po.

EFFARER, *va.* Mampivadi-po.

S'effarer, *vpr.* Mivadi-po.

EFFAROUCHER, *va.* Manaitra, manakaody, mampitahotra, mampandositra. N'effarouchez pas les pigeons. Aza *tairina, kaodina* ny voromahailala. Il effarouche les enfants. *Mampitahotra, mampandositra* ny ankizy madinika izy.

S'effaroucher, *vpr.* Taitra, kaody, matahotra, mandositra. Mon cheval s'est effarouché. *Taitra* ny soavaliko.

EFFECTIF, IVE, *adj.* Arahin' ny asa, omban' ny asa, tokoa, marina. Amour—. Fitiavana *arahin' ny asa, omban' ny asa.* Il m'a donné des preuves effectives de son amour. Nampiseho *tokoa, marina* ny fitiavany ahy izy.

—, *sm.* Ny tena isa. Quel est l'effectif de l'armée? Firy ny *tena isan'* ny miaramila?

EFFECTIVEMENT, *adv.* Tokoa. Il est—arrivé. Tonga *tokoa* izy.

EFFECTUER, *va.* Manatanteraka, manao. Il a effectué sa promesse. *Nanatanteraka* ny teny napetrany izy. —une multiplication. *Manao* fampitomboana.

S'effectuer, *vpr.* Tanterahina, tanteraka, atao.

EFFÉMINÉ, ÉE, *adj.* et *s.* Mivavivavy toetra, mikovavy. C'est un homme—. Lehilahy *mivavivavy toetra,* etc., izy.

EFFÉMINER, *va.* Mampivavivavy toetra, mampikovavy. L'oisiveté efféminé une nation. Ny fidonanahana *mampivavivavy toetra,* etc., ny olona.

S'efféminer, *vpr.* Mivavivavy toetra.

EFFERVESCENCE, *sf.* 1° Fiketriketrika. 2° *fig.* Fitabatabana, fikorontanana. Une grande—régnait parmi le peuple. *Nitabataba, nikorontana* be hiany ny vahoaka.

EFFERVESCENT, ENTE, *adj.* 1° Miketriketrika. Liquide—. Ranon-javatra *miketriketrika.* 2° *fig.* Mitabataba, mikorontana.

EFFET, *sm.* 1° Vokatra, ny ateraka, zavatra avy, zavatra tonga. La mort est un — du péché d'Adam. *Vokatry* ny fahotany Adama ny fahafatesana. Les effets de la foudre sont étranges. Mahagaga ny *ateraky* ny varatra. La faiblesse du malade est un — de la médecine qu'il a prise. Ny fahareraahan' ny marary dia *avy* amy ny fanafody nosotroiny. Il n'y a point d'— sans cause. Tsy misy *zavatra tonga* raha tsy misy fotony. 2°—, Fanatanterahana, asa. L'— suivit la menace. *Tanteraka* ny rahona nataony. Ses promesses sont restées sans—. Tsy *tanteraka* ny teny napetrany. C'est un amour sans—. Fitiavana tsy arahin' ny *asa.* La médecine a produit son—. *Niasa* tsara ny fanafody. ‖ *loc.* Ce sont des paroles sans—. Vava fotsiny izany. Produire de l'—. Mahafinaritra, mampientana ny fo, mampangoraka. Ce bleu produit de l'—. *Mahafinaritra* io loko manga io. Son discours a produit de l'—. *Nampientana ny fo, nampangoraka* ny laha-teniny. Produire un bon—. Mahafaly, mahasoa, mahatsara. Ses paroles ont produit un bon — sur le peuple. *Nahafaly, nahasoa, nahatsara* ny vahoaka ny teniny. Produire un mauvais—. Mahasosotra, mahatezitra, maharatsy. Votre lettre a produit sur lui un mauvais—. Ny taratasinao *nahasosotra, nahatezitra, naharatsy* azy. Avoir un—rétroactif. Mikasika ny lasa. Les lois n'ont pas d'— rétroactif. Ny lalána tsy *mikasika ny* efa *lasa.* 3°—, Taratasy vola, fanaka, entana. Il a beaucoup d'effets en portefeuille. Manan-*taratasy vola* betsaka ao amy ny poketra-bokiny izy. Les effets publics. Ny *taratasy vola* avoaky ny fanjakana, ny zana-bola omen' ny fanjakana. Les effets mobiliers. Ny *fanaka.* C'est un

banqueroutier, il a caché ses effets. Nanao bankeroty izy, ka nanafina ny *fanany*, ny *entany*. Emportez tous vos effets. Ento avokoa ny *entanao* rehetra.

En effet, *loc. adv.* Tokoa. Il a raison en—. Marina *tokoa* ny azy.

EFFEUILLER, *va.* Mitsongo ravina, mioty —, manorotra —, manintsana —. Effeuillez ce mûrier. *Tsongoy, otazo, orosy* ny *ravin'* io vorihazo io. Le vent a effeuillé cet arbre. *Nahintsan'* ny rivotra ny *ravin'* io hazo io.

S'effeuiller, *vpr.* Mihintsan-dravina.

EFFICACE, *adj.* Masina, mahomby, mandaitra, mandresy, mahasitrana. La parole de Dieu est—. *Masin*-teny Andriamanitra. Grâce—. Fahasoavana *mahomby*. Ce remède est—contre les poisons. *Masina, mahomby, mandaitra* io fanafody io raha atao ody poizina, *mandresy* ny poizina io fanafody io. Ce remède est — contre la dyssenterie. *Mahasitrana* ny fivalanan-dra ity · fanafody ity.

EFFICACEMENT, *adv.* Masina, mahomby, mandaitra, mandresy, mahasitrana.

EFFICACITÉ, *sf.* Hasina, hery, fandaitra. L'— d'un remède. Ny *hasina*, etc., ny fanafody. L'— de la prière. Ny *hasina*, ny *herin'* ny fivavahana. L'— de la grâce. Ny *herin'* ny fahasoavana.

EFFIGIE, *sf.* Sary. Montrez-moi une piastre qui porte l'— du roi. Anasehoy farantsa misy ny *sarin'* ny mpanjaka aho.

EFFILÉ, ÉE, *adj.* Miezoezo, kivahivahiny, mitsilotsilo, tsoky. Elle a la taille effilée. *Miezoezo, kivahivahiny* izy. Clocher —. Tranon-dakolosy *mitsilotsilo*. Les makis ont le museau —. *Tsoky* vava ny gidro.

EFFILER, *va.* Mamaha lamba.

S'effiler, *vpr.* Mivaha.

EFFLANQUÉ, ÉE, *adj.* Mahia, kaozatra, kangoaza. Cheval —. Soavaly *mahia*, etc.

EFFLANQUER, *va.* Mankahia, mahakaozatra, mahakangoaza.

EFFLEURÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Voasolatra, nosolarana. 2° —, Voakasika, nokasihina. 3° *fig.* Voakasika kely foana, nokasihina kely foana.

EFFLEURER, *va.* 1° Manolatra. La balle lui a effleuré la peau. *Nosolaran'* ny bala ny hodiny. 2° —, Mikasika. La balle a effleuré le mur. *Nikasika* ny rindrina ny bala. 3° *fig.* Mikasika kely foana. Il a effleuré cette question. *Nikasika kely foana* izany hevitra izany izy.

EFFLORESCENCE, *sf.* 1° Famoniana. 2° —, *pl.* Mony, forofotra.

EFFLORESCENT, ENTE, *adj.* Mamony.

EFFONDREMENT, *sm.* 1° Fitrandrahana. 2° —, Fikoa, fihotsaka, fianjera, firodana.

EFFONDRER, *va.* 1° Mitrandraka. 2° —, Mamaky. — une armoire. *Mamaky* lalomoara.

S'effondrer, *vpr.* Mikoa, mihotsaka, mianjera, mirodana. La maison s'est effondrée. *Nikoa*, etc., ny trano.

EFFORCER (S'), *vpr.* Mikoly aina, manao izay tratry ny aina, manao an'aina, manao am-bezatra, mikezaka, mimokitra. Il s'efforce de soulever ce fardeau. *Mikely aina*, etc., mba hanainga izany entana izany izy. Il s'efforce de le contenter. *Mikely aina, manao izay tratry ny aina, mikezaka* mba hanao izay hahafaly azy izy.

EFFORT, *sm.* 1° Fikelezana aina, fanaovana izay tratry ny aina, fanaovana an'aina, fanaovana am-bezatra, fikezahana, fimokirana. Les ennemis ont fait un grand—pour emporter cette place. *Nikely aina* mafy, *nanao izay tratry ny ainy, nikezaka* mafy mba hahazo izany tanána izany ny fahavalo. Faire un—sur soi-même. *Manao izay tratry ny aina* mba hanao zavatra anankiray, na dia mahadikidiky aza. 2°—, Hery. L'—de l'eau a rompu la digue. Vaky ny fefiloha azon' ny *herin'*ny rano. 3°—, Fipika. Il s'est donné un—en soulevant un fardeau. Nanainga entana izy ka *nipika*.

EFFRACTION , *sf.* Fanamian-trano, fanalan-trano.

EFFRAYANT, ANTE, *adj.* Mampatahotra, mahatsiravina, mampivadi-po. Songe—. Nofy *mampatahotra*, etc.

EFFRAYÉ, ÉE, *p.* et *adj.* Nampitahorina, matahotra, tsiravina, mivadi-po.

EFFRAYER, *va.* Mampitahotra, mampatahotra, mahatsiravina, mampivadi-po. N'effrayez pas cet enfant. Aza *mampitahotra, mampatahotra, mampivadipo* io zaza io. Ce songe l'a effrayé. *Nampitahotra*, etc., azy izany nofy izany.

S'effrayer, *vpr.* Matahotra, tsiravina, mivadi-po. Ne vous effrayez pas pour si

peu de chose. Aza *matahotra, mivadi-po, manam-badi-po* amy ny zavatra madinika toy izany.

EFFRÉNÉ, ÉE, *adj.* Diso ohatra, mihoa-pampana. Ambition—. Fitsiriritamboninahitra *diso ohatra*, etc.

EFFROI, *sm.* Tahotra, vadi-po. Il fut saisi d'—. Azon' ny *tahotra, nivadi-po*, tsiravina izy.

EFFRONTÉ, ÉE, *adj.* et *s.* Tsy mahalala menatra, tsy valahara, tsy vaky afero, tsy vaky atatra, sahy loatra. C'est une femme effrontée. *Tsy mahalala menatra*, etc., io vehivavy io.

EFFRONTÉMENT, *adv.* An-kasahiana loatra.

EFFRONTERIE, *sf.* Tsy fahalalana menatra, hasahiana loatra. Il a eu l'—de le menacer. Tsy *menatra* izy nandrahona azy, *sahy* nandrahona azy izy.

EFFROYABLE, *adj.* 1° Mahatsiravina, mampivadi-po, mampitahotra, mampatahotra. C'est un spectacle—. *Mahatsiravina*, etc., ny fahitana izany. 2°—, Ratsy izaitsizy, izaitsizy. Il a une figure —. *Ratsy* tarehy *izaitsizy* izy. Il a fait des dépenses effroyables. Efa *izaitsizy* ny laniny.

EFFROYABLEMENT, *adv.* Izaitsizy.

EFFUSION, *sf.* 1° Fanidinana, fandrotsahana, firotsahana, fandatsahana, fandriaka. Il y avait—d'huile dans les sacrifices. *Nanidinana, nandrotsahana, norotsahana* diloilo ny fanatitra naterina ho an' Andriamanitra. Il y eut dans cette bataille grande — de sang. Nisy ra be dia be *latsaka*, nisy ra be *nandriaka* tamin' izany ady izany. 2° *fig.* Fampisehoana. Il m'a parlé avec — de cœur. *Nampisoho* fitiavana lehibe izy tamy ny izy niteny tamiko.

ÉGAL, ALE, *adj.* 1° Mitovy, sahala. Ils sont d'une condition égale. *Mitovy* toetra izy ireo. Les hommes sont égaux devant Dieu. *Mitovy* ny olon-drehetra eo anatrehan' Andriamanitra. Les deux cordes sont d'égale grosseur. *Mitovy, sahala* habe ny tady roa. 2°—, Tsy miova, mitovy tantana. Il marche d'un pas—. *Tsy miova* ny fandehany. Il est d'une humeur égale. *Tsy miova* ny toe-panahiny. Le chemin est bien—. *Mitovy tantana* ny lálana. 3°—, Tsy mampaninona. Cela m'est—. *Tsy mampaninona* ahy izany.

—, *s.* Namana, ny mitovy, faharoa. Ne méprisez pas vos égaux. Aza manebaka ny *namanareo*. Il n'a pas son—. Tsy misy *mitovy* aminy, tsy manam-*paharoa* izy.

À l'égal de, *loc. prép.* Tahaka, hoatra, toy. Il est craint à l' — du tonnerre. Atahorana *tahaka*, etc., ny varatra izy.

ÉGALEMENT, *adv.* 1° Mitovy. Il les a traités tous—. *Mitovy* ny nandraisany azy rehetra. 2°—, Sady.... no. Ce mot se dit — des personnes et des choses. *Sady* fanao amy ny olona *no* amy ny zavatra izany teny izany.

ÉGALER, *va.* 1° Mampitovy. La mort égale tous les hommes. Ny fahafatesana *mampitovy* ny olon-drehetra. 2°—, Manohatra, mampitovy, mampitaha. Il n'y a personne qu'on puisse lui—. Tsy misy azo *oharina, ampitovina, ampitahaina* aminy. 3°—, Mitovy. La recette égale la dépense. *Mitovy* ny miditra sy ny mivoaka.

S'égaler, *vpr.* Tonga mitovy, mihambo ho mitovy. Il ose s'— à lui. Sahy *mihambo ho mitovy* aminy izy.

ÉGALISATION, *sf.* Fampitoviana.

ÉGALISER, *va.* 1° Mampitovy. —les lots. *Mampitovy* ny anjara. 2°—, Mampitovy tantana. Égalisez ce chemin. Ataovy *mitovy tantana* io lálana io.

S'égaliser, *vpr.* Mihamitovy.

ÉGALITÉ, *sf.* 1° Fitoviana. Il y a entre eux — d'âge. *Mitovy* taona izy ireo. L'amitié demande l'—. Tsy misakaiza raha tsy *mitovy* toetra. 2°—. Tsy fiovana, fitovy tantana. Il a une grande — d'âme. *Tsy miova* na kely aza ny toepanahiny.

ÉGARD, *sm.* Fanajana. Il a de grands égards pour lui. Be *fanajana* azy izy. ‖ *loc.* Avoir—. Mizaha, mijery, mihevitra, mandinika, mihaino. Il faut avoir — au mérite des personnes. Tokony *hozahana, hojerena, hoheverina, hodinihina* ny fahamendrehan' ny olona. Ayez — à ses prières. *Hainoy* ny fangatahany.

Eu égard à, *loc. prép.* Noho. Eu — à son jeune âge, laissez-le à la maison. *Noho* ny hatanorany, avelao izy ho ao an-trano.

À l'égard de, *loc. prép.* Amy, raha ny amy ny, raha heverina. Il est bon à l'— de tout le monde. Malemy fanahy *amy* ny olon-drehetra izy. A cet—. *Raha ny amin'* izany, *raha* izany no *heverina*. Il mérite à tous égards votre amitié. Mendrika hotianao izy, *raha* ny zavatra rehetra no *heverina*.

ÉGARÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Diso lálana. 2° *fig.* Very, diso hevitra, maniasia, navily, mivily, mihaolohaolo. Son esprit est—. *Very* hevitra izy. Livre—. Boky *very*. Avoir les yeux égarés. *Mihaolohaolo* maso.

ÉGAREMENT, *sm.* Hadisoan-kevitra, faniasiavana, hadisoana, fiviliana, fahaverezan-kevitra, fahaverezan-tsaina. — de l'esprit. *Hadisoan-kevitra, fivilian-tsaina.* Le cœur a ses égarements. Mety *maniasia, mivily* ny fo. Il est dans un grand—d'esprit. *Very hevitra, very saina* mafy izy. Il est revenu des égarements de sa jeunesse. Nijanona tamy ny *faniasiavany*, ny *hadisoany* fony tanora izy.

ÉGARER, *va.* 1° Mampandiso lálana. Le guide m'a égaré. Ny mpitari-dálana *nampandiso lálana* ahy. 2° *fig.* Mahavery, mahadiso hevitra, mampaniasia, mampivily. La peur lui a égaré l'esprit. *Nahavery* saina azy ny tahotra. Il a égaré un livre. *Nahavery* boky anankiray izy. Les mauvais amis l'ont égaré. Ny sakaiza ratsy no *nampaniasia, nampivily* azy.

S'égarer, *vpr.* 1° Diso lálana. Il s'est égaré dans la forêt. *Diso lálana* tany anala izy. 2° *fig.* Very, diso hevitra, maniasia, mivily. Sa tête s'égare. *Very* hevitra, *very* saina izy. La présomption fait souvent que l'homme s'égare. Matetika ny fieboeboana maha*diso hevitra* ny olona. Il s'est égaré dans son discours. *Nivily* tamy ny laha-teniny izy.

ÉGAYER, *va.* Mamalifaly. —un malade. *Mamalifaly* marary.

S'égayer, *vpr.* Milalao, manary dia.

ÉGIDE, *sf.* Fiarovana. Il me sert d'—. *Miaro* ahy izy.

ÉGLANTIER, *sm.* Karazan-draozy maniry ho azy.

ÉGLISE, *sf.* 1° Eglizy. L'—catholique. Ny *Eglizy* katolika. L'—militante. Ny *Eglizy* miady. L'—souffrante. Ny *Eglizy* mijaly. L'—triomphante. Ny *Eglizy* mpandresy. 2°—. Trano leglizy. Il est allé prier à l'—. Lasa nivavaka any an-*trano leglizy* izy.

ÉGOÏSME, *sm.* Fitiavan-tena loatra, fanaovana mamy fo velona.

ÉGOÏSTE, *s.* et *adj.* Tia tena loatra, manao mamy fo velona.

ÉGORGER, *va.* 1° Manominda. —un bœuf. *Manominda* omby. 2°—, Mamono mahafaty. Les habitants égorgèrent toute la garnison. *Novonoin'* ny mponina ho *faty* ny miaramila rehetra namponenina tao.

S'égorger, *vpr.* Mifamono ho faty.

ÉGOSILLER (S'), *vpr.* Vaky tenda. Il s'est égosillé à force de crier. *Vaky* ny *tendany* azon'ny minananana.

ÉGOUT, *sm.* 1° Lálan-driaka any ambanin' ny tanána. 2° *fig.* Fitoerana ivarinan' ny faikan'olona. Les bagnes sont les égouts de la société. Ny tranomaizina no *fitoerana amarinana ny faikan' olona.*

ÉGOUTTER, *vn.* Mitsíka. Faire — du lait caillé. *Manatsika* ronono mandry.

S'égoutter, *vpr.* Mitsíka. Le fromage s'égoutte. *Mitsika* ny fromazy.

ÉGOUTTOIR, *sm.* Fanatsihana.

ÉGRATIGNER, *va.* Mandrangotra. Le chat l'a égratigné. *Nandrangotra* azy ny saka.

S'égratigner, *vpr.* Mandrango-tena, mifandrangotra.

ÉGRATIGNURE, *sf.* 1° Rangotra. 2° —, Ratra kely.

ÉGRENER, *va.* Manintsam-boa, mitsongo voa. — du blé. *Manintsana voam*-barim-bazaha. — du raisin. *Mitsongo voam*-boaloboka.

S'égrener, *vpr.* Mihintsam-boa.

ÉGRILLARD, ARDE, *adj.* et *s.* Mavitrika, mailaka, kinga.

ÉGYPTE, *sf.* Ejipta.

ÉGYPTIEN, IENNE, *adj.* et *s.* Ejipsiana.

EH! *int.* Adre! —! qui aurait pu le deviner? *Adre!* iza no nahavinany izany?

Eh bien, *loc. int.* Re! áry! —! Que faites-vous? Inona *re* ity ataonao? —! partons! Andeha *áry!*

ÉHONTÉ, ÉE, *adj.* Tsy mahalala menatra, tsy valahara, tsy vaky afero, tsy vaky atatra.

ÉLABORATION, *sf.* Fandevonana, fahalevonana, famoronana, fiforonana.

ÉLABORER, *va.* 1° Mandevona, iforonana. L'estomac élabore les aliments. Ny ambavafó no *mandevona* ny hanina. Le foie élabore la bile. Ao amy ny aty no *iforonan'* ny ranon'afero. 2° *fig.* Mamorona. — un ouvrage. *Mamorom*-boky.

S'élaborer, *vpr.* Levona, levonina, foronina, miforona.

ÉLAGAGE, *sm.* Fandrantsanana.

ÉLAGUER, *va.* 1° Mandrantsana. — un arbre. *Mandrantsana* hazo. 2° *fig.* Manesotra ny tsy ilaina amy ny laha-teny. — des détails inutiles. *Manesotra* zavatra madinika *tsy ilaina amy ny lahateny.*

ÉLAGUEUR, *sm.* Mpandrantsana.

ÉLAN, *sm.* 1° Fiezaka, fiantoraka. Il prit son—pour franchir le fossé. *Niezaka* mafy izy mba hitsambikina ny hady. Du premier — on repoussa l'ennemi. Raha vao *niantorahana* ny fahavalo dia nandositra. 2° *fig.* Firehitra. Il ne peut réprimer les élans de son cœur. Tsy mahatana ny *firehitry* ny fony izy.

ÉLANCÉ, ÉE, *adj.* Miezoezo, kivahivahiny, mijoroaka. Il a la taille élancée. *Miezoezo, kivahivahiny* izy. Arbre—. Hazo *mijoroaka.*

ÉLANCEMENT, *sm.* 1° Fanaintaina, fanombotrombotra, fanindrontsindrona, fanevitevika, fanoranorana. L'abcès me cause de grands élancements. *Manaintaina, manombotrombotra* ahy ny vaiko. Le point de côté me cause de grands élancements. *Manindrontsindrona*, *manevitevika* ny andanivoako. Je sens des élancements dans l'estomac. *Manoranorana* ahy ny ambavafóko. 2° *fig.* Firehitra. Les élancements de l'âme vers Dieu. Ny *firehitry* ny fo ho any amin' Andriamanitra.

ÉLANCER (S'), *vpr.* 1° Miezaka, miantoraka. Il s'élança hors de la maison. *Niezaka* any alatrano izy. Le chien s'élança sur lui. *Niantoraka* taminy ny alika. 2° *fig.* Mirehitra. Mon âme s'élançait vers Dieu. Ny foko *nirehitra* ho any amin' Andriamanitra.

ÉLARGIR, *va.* 1° Manalalaka, manalehibe, manitatra. —une rue. *Manalalaka*, etc., araben dálana. 2° *fig.* Manafaka, mandefa. —un prisonnier. *Manafaka*, etc., olona anankiray ao an-tranomaizina. 3°—, Manitatra. Il a élargi ses idées. *Nanitatra* ny heviny izy.

S'élargir, *vpr.* 1° Mihamalalaka, mihalehibe, mitatra. Mes souliers se sont trop élargis. *Nihamalalaka*, etc., loatra ny kiraroko. 2°—, Manitatra tany. Le grand chemin l'empêche de s'—. Ny araben-dálana misakana azy tsy *hanitatra* ny *tokotaniny.* 3° *fig.* Mitatra.

ÉLARGISSEMENT, *sm.* 1° Fanalalahana, fanalehibiazana, fanitarana. 2° *fig.* Fanafahana. fandefasana. Il a obtenu son—. *Afaka, nalefa* izy.

ÉLASTICITÉ, *sf.* Fievotra, fiaina.

ÉLASTIQUE, *adj.* Mievotra, miaina, azo roritina. Gomme—. *Matezaroritina.*

—, *sm.* Lasitika, matezaroritina. —des souliers. *Lasitika.* —des bretelles. *Matezaroritina* amy ny beritelo.

ÉLECTEUR, *sm.* Mpifidy.

ÉLECTIF, IVE, *adj.* Fidina. Le pape est—. *Fidina* ny papa.

ÉLECTION, *sf.* Fifidianana. Faire une —. *Mifidy.*

ÉLECTORAL, ALE, *adj.* Momba ny fifidianana. Loi électorale. Lalána *momba ny fifidianana.*

ÉLECTRICITÉ, *sf.* Elektrisitý.

ÉLECTRIQUE, *adj.* Momba ny elektrisitý.

ÉLECTRISER, *va.* 1° Mamelona elektrisitý, miteraka —, mamindra —. 2° *fig.* Mampirehitra. Son discours électrisa tous les cœurs. Ny laha-teniny *nampirehitra* ny fo rehetra.

S'électriser, *vpr.* 1° Mandray elektrisitý. 2° *fig.* Mirehitra.

ÉLÉGAMMENT, *adv.* 1° Amin-kaingo, tsara. Elle est—parée. Mihaingo *tsara* izy. 2°—, Amy ny renty. Il écrit—. *Be renty* ny teny nosoratany.

ÉLÉGANCE, *sf.* 1° Hatsaran-tareby, hatsaram-bika, hatsara, hafinaritra. 2° —, Renty, haingo.

ÉLÉGANT, ANTE, *adj.* 1° Tsara bika, bikána, tsara, mahafinaritra. Elle a une taille élégante. *Tsara bika, bikána* izy. Sa parure est élégante. *Tsara, mahafinaritra* ny haingony. 2°—, Be renty, be haingo, be sira, marevaka. Son discours est—. *Be renty*, etc., ny laha-teniny.

—, *s.* Mpihaingo loatra, mpiangeso, mpiangolangola.

ÉLÉMENT, *sm.* 1° Ny maha-izy, ny fotopototra, zavatra. Quels sont les éléments de l'eau? Inona no *maha*-rano ny rano? Il y a là les éléments d'un bon ouvrage. Misy ny *fotopototry* ny boky tsara ao. Je lui enseigne les éléments du calcul. Ampianariko azy ny *fotopototry* ny marika. Le feu est un — destructeur. *Zavatra* mandevona ny afo. 2°—, Tiana indrindra. L'étude est son —. Ny fianarana no *tiany indrindra.* Il est dans son — comme le poisson

dans l'eau. Ao amy ny *liany indrindra* tahaka ny hazandrano ao amy ny rano izy.

ÉLÉMENTAIRE, *adj.* 1° Fotony, tsy azo avahana intsony. Corps —. Zavatra madinika *fototry* ny zavatra hafa, zavatra madinika *tsy azo avahana intsony*. 2° —, Milaza ny fotopototra. Voici un bon livre — de calcul. Inty boky tsara milaza ny *fotopototry* ny marika.

ÉLÉPHANT, *sm.* Elefanta.

ÉLEVAGE, *sm.* Fiompiana.

ÉLÉVATION, *sf.* 1° Fanandratana, fisandratana, fanondrotana, fisondrotana. Donnez plus d'— à ce plancher. *Asondroty* kokoa izany rihana izany. Le prêtre est à l'—. Efa mby amy ny *fanandratana* ny hostia ny pretra. L'— de sa voix indiquait une forte colère. Ny *fisondrotry* ny feony nanambara fa tezitra mafy izy. Il y a eu — subite du prix des denrées. *Nisondro*-bidy tampoka ny varotra. 2° —, Havoana. Montez sur cette—. Miakara amin' io *havoana* io. 3° *fig.* Fisandratana, fiambonianana, fisondrotana, halalinana, hatsarampo. C'est à vous qu'il doit son —. Hianao no *nampisandratra, nahambony* azy. L'— du cœur vers Dieu. Ny *fisondrotan'* ny fo amin' Andriamanitra. Il a une grande — dans ses pensées. *Lalina* ny heviny.

ÉLÈVE, *sm.* Mpianatra, sekoly.

ÉLEVÉ, ÉE, *adj.* 1° Avo, manerinerina, milingilingy, midangadanga. Montagne élevée. Tendrombohitra *avo,* etc. 2° *fig.* Ambony, be fahandrianana, lalina, be hatsaram-po. Il est d'une condition élevée. *Ambony* toetra izy. Il est très — en dignité. *Ambony* dia ambony ny voninahiny, ny raharahany. Il a un esprit —. *Lalin*-tsaina izy. Il a des sentiments élevés. Be *hatsaram-po* izy. 3°—, Mahalala fomba, voampianatra tsara. Enfant bien —. Zaza kely *mahalala fomba,* etc.

ÉLEVER, *va.* 1° Manandratra, mampisandratra, manondrotra, mampisondrotra. Ce tableau est trop bas, il faudrait l'—. Iva loatra io sary io, ka tokony *hasandratra, hasondrotra.* — les mains. *Manandra*-tánana. — la voix. *Mampisondrotra* ny feo. Ce marchand a élevé le prix de ses marchandises. Io mpivarotra io *nampisondrotra* ny vidin'entany. 2° —, Manangana, manorina. — une statue. *Manangana* sariolona. — une maison. *Manangana,* etc., trano. 3° *fig.* Manandratra, mampisandratra, manondrotra, mampisondrotra, manome, midera. Dieu élève ceux qui s'abaissent. Andriamanitra *manandratra, manondrotra* izay manetry tena. Le roi l'a élevé aux honneurs. Ny mpanjaka *nanandratra* azy, *nanome* voninahitra azy. Ce livre élève l'âme vers Dieu. Io boky io *mampisondrotra* ny fanahy amin'Andriamanitra. —jusqu'aux nues. *Midera* ela izaitsizy. 4°—, Mampiposaka, mampitranga, mampiseho, manangana, mamorona. Il élève des doutes sur cette histoire. *Mampiposaka, mampitranga, mampiseho* fisalasalana amin' izany tantara izany izy. —des difficultés. *Manangana, mamoron*-tsampona. 5° —, Mitaiza, miompy, mamelona, mampianatra. Cette mère n'élève pas ses enfants. Io reny io tsy *mitaiza* ny zanany. —des animaux. *Miompy, mamelom*-biby. Il a élevé son enfant dans la crainte de Dieu. *Nampianatra* ny zanany ny fahatahorana an' Andriamanitra izy.

S'élever, *vpr.* 1° Misandratra, misondrotra, misavoana. Le cerf-volant s'élève dans les airs. *Misondrotra, misavoana* eny amy ny habakabaka ny papangohazo. Les flammes s'élèvent au-dessus du toit. Ny lelafo *misondrotra* eny ambonin' ny tafon-trano. Le prix du riz s'élève tous les jours. *Misondro*-bidy isan' andro ny vary. 2° *fig.* Manandra-tena, misandratra, misondrotra, mahatakatra, mahatratra. Celui qui s'élève sera abaissé. Izay *manandra-tena* dia haetry. Il s'est élevé par son mérite aux plus hautes dignités. Ny fahamendrehany no *nisandratany* amy ny voninahitra ambony dia ambony. L'esprit de l'homme ne peut s' —jusque-là. Ny sain' ny olona tsy *mahatakatra,* tsy *mahatratra* izany. 3°—, Misy, miposaka, mitranga, miseho. Il s' éleva une tempête. *Nisy* tafio-drivotra. Il s'éleva une sédition. Nisy fikomiana *niposaka, nitranga, niseho.* Des doutes s'élevèrent dans mon esprit. Nisy fisalasalana *niposaka, nitranga, niseho* tao an-tsaiko. ‖ *loc.* S'—contre quelqu'un. Manohitra, miampanga olona. 4°—, Tonga. Sa dette s'élève à cent piastres. *Tonga* ariary zato ny trosan' olona aminy.

ÉLEVEUR, *sm.* Mpiompy, mpamelona.

ÉLIDER, *va*. Manesotra zana-tsoratra anankiray farany.

S'élider, *vpr*. Miesotra. L'a final de tandroka s'élide dans tandrok' omby. Ny a farany amy ny tandroka *miesotra* amy ny tony hoe tandrok' omby.

ÉLIGIBILITÉ, *sf*. Ny ahazoana hofidina.

ÉLIGIBLE, *adj*. et *s*. Azo fidína.

ÉLIMINATION, *sf*. Fandroahana, fanesorana.

ÉLIMINER, *va*. Mandroaka, manesotra. On l'a éliminé du conseil. *Noroahina, nesorina* tsy ho mpanolo-tsaina izy. On a éliminé son nom. *Nesorina* ny anarany.

ÉLIRE, *va*. Mifidy.—un député. *Mifidy* solombavam-bahoaka. Il a élu domicile au nord de la ville. *Nifidy* fonenana ao avaratry ny tanána izy.

ÉLISION, *sf*. Fiesoran'ny zana-tsoratra anankiray farany.

ÉLITE, *sf*. Ny voafantina, ny tsara indrindra. Voilà des soldats d'—. Indreny ny miaramila *voafantina, tsara indrindra.*

ÉLIXIR, *sm*. Karazan-dalikera.

ELLE, *pron. pers*. Izy, ny. Où est—? Aiza *izy?* Que fait—? Inona no ataony.

Elles, *pl*. Izy ireo, ny.

ELLIPSE, *sf*. 1° Fanesoran-teny. 2° —, Tsipika vorivory mitarehin' atody.

ELLIPTIQUE, *adj*. 1° Misy fanesoranteny. 2° —, Vorivory mitarehin' atody.

ÉLOCUTION, *sf*. Fandaha-teny, fandaharan-teny. Il a une — nette. Mazava ny *fandaha-teniny*. Traité de l'—. Boky momba ny *fandaharan-teny*.

ÉLOGE, *sm*. 1° Laha-teny fiderana, — fankalazana. Il a prononcé l'— funèbre du prince. Izy no nanao *laha-teny fiderana, fankalazana* ny mpanjaka vao niamboho. 2°—, Fiderana, fankalazana, fandokafana. Faire l'— de quelqu'un. *Midera, mankalaza* olona. Faire l'— d'un ouvrage. *Midera, mandoka* boky.

ÉLOGIEUX, EUSE, *adj*. Fiderana, fankalazana, fandokafana. Paroles élogieuses. Teny *fiderana*, etc.

ÉLOIGNÉ, ÉE, *adj*. 1° Lavitra. mifanalavitra. Ile éloignée. Nosy *lavitra*. Ce que vous dites est fort — de ma pensée. *Lavitra* ny hevitro izay lazainao. Ces deux villages sont assez éloignés l'un de l'autre. *Mifanalavitra* hiany ireo tanána roa ireo. 2°—, Ela, any aoriana any. Cette affaire a été renvoyée à un temps —. Nahemotra ho *ela* izany raharaha izany. Postérité éloignée. Taranaka *any aoriana any.*

ÉLOIGNEMENT, *sm*. 1° Fampanalavirana, fanalavirana, fifanalavirana, fampihatahana, fihatahana, fampialana, fialana. Il a calmé le peuple par l'— du ministre. *Nampanalavitra, nampihataka, nampiala* ny ministra izy mba hampitony ny vahoaka. Il vit dans l'— du monde. *Nanalavitra* an' izao tontolo izao, *nihataka, niala* tamin' izao tontolo izao izy. L'— de nos demeures nous empêche de nous voir souvent. Ny *fifanalaviran'* ny tranontsika no misakana antsika tsy hifankahita matetika. 2°—, Fahelana. L'— des temps rend ces faits incertains. Tsy fantatra mazava ireo zavatra niseho ireo noho ny *hahelany*. 3° *fig*. Tsy fitiavana, fankahalana. Il a de l'—, pour cet homme-là. *Tsy tia, mankahala* io lehilahy io izy. Il a de l'— pour l'étude. *Tsy tia* fianarana izy.

ÉLOIGNER, *va*. 1° Mampanalavitra, mampihataka, mampiala, mampandositra. Éloignez cette chaise du feu. *Ampanalaviro, halaviro, hataho* ny afo io seza io. Le roi l'a éloigné de la cour. Ny mpanjaka *nampihataka, nampiala* azy tsy ho any anaty rova. Éloignez-le des mauvaises compagnies. *Ampanalaviro, halaviro, ampandosiro* ny naman-dratsy izy. 2° —, Manela. Ces difficultés éloignent la paix. Ireo sampona ireo no *manela* ny fanekem-pihavanana. 3° *fig*. Mampanalavitra, mamily. O Dieu! éloignez de moi ce malheur. Andriamanitra ô! *ampanalaviro, halaviro, avilio* ahy izany loza izany. 4° —, Tsy itiavana. L'égoïsme éloigne les cœurs. *Tsy tian'* ny olona ny manao mamy fo velona.

S'éloigner, *vpr*. 1° Manalavitra, mihataka, miala, mandositra. Il s'est éloigné du chemin. *Nanalavitra* ny lálana izy. Éloignez-vous pour quelque temps. *Mihataha, mialá* andro vitsivitsy. 2° *fig*. Manalavitra, mandositra, tsy manaraka, tsy manao. Éloignez-vous des occasions du péché. *Halaviro, andosiro* izay mahatarika amy ny fahotana. S'—des usages reçus. *Tsy manaraka* ny fanao. S'—de son devoir. *Tsy manao* ny tsy maintsy hataony. 3°—, Mifanalavitra, samihafa. Cette opinion ne s'éloigne

pas beaucoup de la mienne. Tsy *mifanalavitra*, etc., loatra amy ny ahy izany hevitra izany.

ÉLOQUEMMENT, *adv.* Amim-pahaizana. Il parle—. *Mahay* mandaha-teny izy.

ÉLOQUENCE, *sf.* Fahaizana mandahateny, fampientanana ny fo, fampihetsehana ny fo, fampangorahana, fitarihana, fitaomana. Le pouvoir de l'—. Ny herin' ny *fahaiza-mandaha-teny.*

ÉLOQUENT, ENTE, *adj.* Mahay mandaha-teny, antsantsalahy, mampientana ny fo, mampihetsika ny fo, mampangoraka, mahatarika, mahataona. Homme—. Lehilahy *mahay mandaha-teny, antsantsalahy, mahay mampientana ny fo, —mampihetsika ny fo.* Il a prononcé un discours —. Nanao lahateny *mampientana ny fo, mampihetsika ny fo, mampangoraka, mahatarika, mahataona* izy. Larmes éloquentes. Ranomaso *mampangoraka.*

ÉLU, UE, *p.* et *adj.* Voafidy, nofidina. **—,** *sm.* Ny voafidy, ny olom-pinidy.

ÉLUCIDATION, *sf.* Fanazavana.

ÉLUCIDER, *va.* Manazava. —une question. *Manazava* zavatra.

S'élucider, *vpr.* Hazavaina.

ÉLUCUBRATION, *sf.* Boky izay nisasarana. Il va publier ses élucubrations. Efa hampanonta ny *boky izay nisasarany* izy.

ÉLUDER, *va.* Manary dia. —une promesse. *Manary dia* ny teny napetrany.

S'éluder, *vpr.* Anarian-dia.

ÉLYTRE, *sm.* Elatra mafy amy ny biby kely. — de hanneton. *Elatra mafim*-boangory.

ÉMAIL, *sm.* 1° Varnesy. —de porcelaine. Ny *varnesim*-porsolaina. 2° *fig.* L'—d'un parterre. Ny voninkazo ravaky ny kisahasaha.

ÉMAILLER, *va.* 1° Manisy varnesy. 2° *fig.* Mandravaka.

S'émailler, *vpr.* Miravaka.

ÉMANATION, *sf.* Fihaviana, zavatra avy, fofona. La terre produit des émanations. *Mamofona* ny tany.

ÉMANCIPATION, *sf.* 1° Famelana hahazaka tena. 2° *fig.* Fanafahana, famotsorana, fandefasana.

ÉMANCIPER, *va.* 1° Mamela hahazaka tena. Ce père a émancipé son fils. *Navelan*-drainy *hahazaka tena* ny zanany. 2° *fig.* Manafaka, mamotsotra, mandefa.

S'émanciper, *vpr.* Manaram-po.

ÉMANER, *vn.* Avy, ateraka. Cet ordre émane du souverain. *Avy* amy ny mpanjaka izany didy izany. Le Verbe émane du Père et le Saint-Esprit émane du Père et du Fils. Ny Teny *ateraky* ny Ray, ary ny Fanahi-Masina *avy* amy ny Ray sy ny Zanaka.

ÉMARGER, *va.* Manoratra amy ny sisin-taratasy.

EMBALLAGE, *sm.* Fifehezana entana, famonosana entana. Combien coûte l'— de mes marchandises. Hoatrinona no haloako amy ny *nifehezana, namonosana* ny entako. Toile d'—. Lamba *famonosana entana.*

EMBALLER, *va.* Mifehy entana, mamono entana.

EMBALLEUR, *sm.* Mpifehy entana, mpamono entana.

EMBARCADÈRE, *sm.* Fitodian-dakana, fitodian-tsalopy.

EMBARCATION, *sf.* Lakan-drafitra, salopy.

EMBARGO, *sm.* Fihazonan-tsambo ao amy ny seranana.

EMBARQUEMENT, *sm.* Fanondranana, fiondranana.

EMBARQUER, *va.* 1° Manondrana. —des marchandises, des troupes. *Manondram*-barotra, miaramila. 2° *fig.* Mampihitsoka. —un ami dans une mauvaise affaire. *Mampihitsoka* sakaiza amy ny raharaha sarotra.

S'embarquer, *vpr.* 1° Miondrana. 2° *fig.* Mihitsoka.

EMBARRAS, *sm.* 1° Sakantsakana, fahasahiranana. Il y a toujours de l'— dans ce chemin. Be *sakantsakana* mandrakariva io lálana io. 2° *fig.* Fisakanana, sampona, fahasahiranana, fahaporitana, fahaterena, hasanganehana, firoahana, fiváka. Il m'a suscité de grands —. *Nisakantsakana, nanampontsampona, nanahirana* ahy izy. Il se trouve dans des — pécuniaires. *Sahirana, poritra, tery* amy ny vola izy. Il est dans un grand — d'esprit au sujet de cette affaire. *Sahirana, sanganehana, miroahana, vaka* mafy izy amin' izany raharaha izany. Le prédicateur est dans l'—. *Vaka* ny mpitory teny. || *loc.* Faire de l'—. Mihambohambo foana, manandriandrian-tena foana.

EMBARRASSANT, ANTE, *adj.* 1°

Misakantsakana, manahirana. Les bagages sont embarrassants dans un voyage. *Manahirana* ny entana raha mivahiny. 2° *fig.* Manahirana, mahaporitra, mahatery, mahasanganehana, mampiroahana, mahavaka. Ce choix est —. *Manahirana*, *mahasanganehana*, *mampiroahana, mahaváka* izany fifidianana izany.

EMBARRASSÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Voasakantsakana, nosakantsakanana, sahirana, nosahiranina, voasingotra. 2° *fig.* Poritra, tery, mihitsoka, sanganehana, miroahana, vaka, miambakambáka. Il a l'air —. Miendrik'olona *sanganehana, vaka* izy. Il a la langue embarrassée. *Miambakambáka*, adala vava izy.

EMBARRASSER, *va.* 1° Misakantsakana, manahirana. Ces pierres embarrassent la voie. Ireo vato ireo *misankantsakana* ny lálana. Ce paquet m'embarrasse. *Manahirana* ahy io entana io. 2° *fig.* Manahirana, mahaporitra, mahatery, mahasanganehana, mampiroahana, mahaváka. Cette question l'embarrasse. Izany fanontaniana izany *manahirana, mahasanganehana, mampiroahana, mahaváka* azy.

S'embarrasser, *vpr.* 1° Sahirana, voasingotra, mifanahirana. Il s'est embarrassé dans les cordages. *Voasingotry* ny mahazaka izy. Ils s'embarrassent les uns les autres. *Mifanahirana* izy ireo. 2° *fig.* Sahirana, miahiahy, mihitsoka, sanganehana, miroahana, vaka, miambakambáka, teritery. Il ne s'embarrasse de rien. Tsy *sahiranin'* na inona na inona, tsy *miahiahy* na inona na inona izy. Ne vous embarrassez point de cette affaire. Aza *miahiahy* foana izany raharaha izany hianao. Ne vous embarrassez pas dans cette affaire. Aza *mihitsoka* amin' izany raharaha izany. Au premier mot il s'embarrasse. Raha vao miteny izy dia *vaka*. Sa langue s'embarrasse. *Miambakambáka*, adala vava izy. Sa poitrine s'embarrasse. *Teritery* ny fiainany.

EMBAUCHER, *va.* 1° Maka olona ho mpiasa ao amy ny trano fiasana. 2° —, Mampiodina miaramila.

EMBAUMEMENT, *sm.* Fanisiana zava-manitra amy ny faty hitahirizana azy tsy ho lo.

EMBAUMER, *va.* 1° Manamanitra. Les fleurs embaument l'air. Ny voninkazo *manamanitra* ny rivotra. 2° —. Manisy zava-manitra amy ny faty hitahirizana azy tsy ho lo.

EMBELLI, IE, *p.* et *adj.* Voaravaka, noravahana, miravaka, voahaingo, nampihaingoina, mihaingo, nendrehina, nihatsara tarehy, mitombo tarehy, nihatsara, voarenty, nirenty.

Embellie, *sf.* Fitonian' ny andro.

EMBELLIR, *va.* Mandravaka, mampihaingo, manendrika, mahatsara tarehy, mampitombo tarehy, mahatsara, mandrenty. Il a bien embelli sa maison. *Nandravaka, nampihaingo* tsara ny tranony izy. La parure l'embellit. Ny haingo *manendrika, mahatsara tarehy, mampitombo tarehy* azy. Cette place embellit la ville. *Manendrika, mahatsara* ny tanána io kianja io. — une histoire. *Mandrenty* tantara.

—, *vn.* Mihatsara tarehy, mitombo tarehy.

S'embellir, *vpr.* Miravaka, mihaingo, mihatsara tarehy, mitombo tarehy, mihatsara, mirenty.

EMBELLISSEMENT, *sm.* 1° Fandravahana, fampihaingoana, fanendrehana. 2° —, Ravaka, haingo, endrika, renty.

EMBLÉE (D'), *loc. adv.* Vetivety, haingana. La ville a été emportée d'—. Azo *vetivety*, etc., ny tanána.

EMBLÉMATIQUE, *adj.* Milaza ohatra. Figure—. Sary *milaza ohatra*.

EMBLÈME, *sm.* 1° Sary milaza ohatra. Les boucliers étaient ornés d'emblèmes. Nisy *sary milaza ohatra* ny ampinga. 2°—, Ohatra. L'encens est l'— de la prière. Ny emboka no *ohatry* ny fivavahana. 3°—, Fomba. Le diadème est un—de la royauté. Ny satro-boninahitra no *fomban'* ny mpanjaka.

EMBOÎTEMENT, *sm.* Fifampidirana, fifanaronana, fifanakofana.

EMBOÎTER, *va.* Mampifampiditra, mampiady. Il a bien emboité ces tuyaux. *Nampifampidiriny* tsara ireo fantsona ireo. ‖ *loc.* —le pas. Mifanara-dia. Il ne sait pas—le pas. Tsy mahay *mifanara-dia* izy.

S'emboîter, *vpr.* Mifampiditra, miady, mitsetaka. Ces os s'emboîtent. *Mifampiditra* ireo taolana ireo. Ces deux pièces de bois s'emboîtent exactement. *Miady, mitsetaka* tsara ireo hazo fisaka roa ireo.

EMBOÎTURE, *sf.* 1° Izay ifampidirana, izay iadiana, izay itsetahana. 2°—, Fampifampidirana.

EMBONPOINT, *sm.* Habotrefona, hatavy. Qui a de l'—. *Botrefona, matavy.* Qui a trop—. *Botrefom*-be, *matavy* loatra. Prendre de l'—. *Mihabotrefona, mihamatavy.*

EMBOSSER, *va.* Mamato-tsambo mba hampanatrika azy ny hotofirina.

S'embosser, *vpr.* Fatorana mba hanatrika ny hotifirina.

EMBOUCHÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Tsofina. 2° *fig.* Être mal—. Ratsy vava, mahay vava.

EMBOUCHER, *va.* 1° Mitsoka. —une trompette. *Mitsoka* trompetra. 2° *fig.* —la trompette. Milaza zavatra ambony.

S'emboucher, *vpr.* Mankany, mizotra. L' Imamba s'embouche dans l' Ikopa. *Mankany* Ikopa, *mizotra* any Ikopa Imamba.

EMBOUCHURE, *sf.* 1° Vavarano. 2° —, Maintipiso, fitsofana. —de clarinette. *Maintipison* - klarinety. —de clairon. *Fitsofana* amy ny bingona. Ce clairon a une bonne—. Io mpitsoka bingona io mahay *mitsoka.* 3°—, Vava. —de canon. *Vava* tafondro.

EMBOURBER, *va.* 1° Mampandrevo. Il a embourbé sa voiture. *Nampandrevoiny* ny kalesiny. 2° *fig.* Mampihitsoka. Il m'a embourbé dans une mauvaise affaire. *Nampihitsoka* ahy tamy ny raharaha sarotra izy.

S'embourber, *vpr.* 1° Mandrevo. Il s'est embourbé. *Nandrevo* izy. 2° *fig.* Mihitsoka.

EMBOURSER, *va.* Manisy vola ao ankitapo.

EMBRANCHEMENT, *sm.* Sampana. Attendez-moi à l'—des deux chemins. Andraso ao amy ny *sampanan*-dalana aho. Un peu plus loin le chemin forme un—. Lavidavitra kokoa no *misampana* ny lálana. Ce tuyau a de nombreux embrachements. *Misampantsampana* be biany io fantsona io.

EMBRANCHER (S'), *vpr.* Misampana, misampantsampana.

EMBRASÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Voadoro, nodoroana, may, mirehitra, midedadeda, milolalela. La maison est embrasée. *May, mirehitra* ny trano. Prenez ce tison—. Raiso io tapa-porohana *mirehitra, mideдadeda, milelalela* io. 2°—, Mafana dia mafana, mahamay, mangotraka. L'air est—. *Mafana dia mafana,* etc., ny andro. 3° *fig.* Mirehitra, voakorontana, nokorontanina, mikorontana.

EMBRASEMENT, *sm.* 1° Fandoroana, hain-trano, afo mideдadeda. 2° *fig.* Fikorontanana.

EMBRASER, *va* 1° Mandoro. —une maison. *Mandoro* trano. 2° *fig.* Mampirehitra, mampikorontana. L'amour de Dieu embrase son cœur. Ny fitiavana an' Andriamanitra *mampirehitra* ny fony. La guerre embrasa l'Europe. Ny ady *nampikorontana* any Eoropa.

S'embraser, *vpr.* Mirehitra.

EMBRASSADE, *sf.* Fifanorohana, fifamihinana.

EMBRASSÉ, ÉE, *p.* Voaoroka, norohana, voafihina, nofihinina. Il le tint longtemps—. *Norohany, nofihininy* ela izy.

EMBRASSEMENT, *sm.* Fanorohana, fifanorohana, famihinana, fifamihinana.

EMBRASSER, *va.* 1° Manoroka, mamihina, manotrona. Il embrassa tendrement son enfant. *Nanoroka, namihina* ny zanany tamim-pitiavana izy. Deux personnes ne sauraient — cet arbre. Olona roa tsy *mahotrona* io hazo io. 2° *fig.* Manotrona, manodidina. La mer embrasse la terre. Ny ranomasina *manotrona,* etc., ny tany. 3°—, Mahatratra, mahatakatra, misy, miadidy, miandraikitra, miahy. La puissance de Dieu embrasse tout. *Mahatratra* ny zavatra rehetra ny fahefan' Andriamanitra. Son ésprit embrasse toutes sortes de sciences. Ny sainy *mahatakatra* fahaizana maro karazana. Ce projet embrasse bien des choses. *Misy* zavatra betsaka ao amin' izany kasainy izany. Qui trop embrasse mal étreint. Izay *miadidy, miandraikitra, miahy* zavatra be loatra dia tsy mahavita na inona na inona. 4°—, Milatsaka, miandany. Il a embrassé la vie religieuse. *Nilatsaka* ho relijiozy izy. Il embrasse toujours le parti le plus fort. *Miandany* amy ny mahery mandrakariva izy.

S'embrasser, *vpr.* Mifanoroka, mifamihina.

EMBRASURE, *sf.* 1° Banga hitifirana amy ny tafondro. Les embrasures d'un bastion. Ny *banga* amy ny manda *hitifirana amy ny tafondro.* 2°—, Varavarana, takola-baravarana.

EMBROCHER, *va.* 1° Manatrebika amy ny salazam-by. — un gigot de mouton. *Manatrebika* fen'ondry *amy ny salazam-by.* 2° —, Managorobaka amy ny sabatra, maninteraka amy ny sabatra. — quelqu'un. *Managorobaka,* etc., olona *amy ny sabatra.* || *loc.* —quelqu'un avec la bayonnette. Manao tsatsi-benitra olona.

EMBROUILLAMINI, *sm.* Comme EMBROUILLEMENT.

EMBROUILLEMENT, *sm.* Fisafotofoto, fifotofoto, fisavorovoro, fisaritaka, fikorokoro, fikotikotika, fikorontana, fifangaro, fifanjevo. Voy. DÉSORDRE.

EMBROUILLER, *va.* Mampisafotofoto, manasafotofoto, mampifotofoto, manafotofoto, mampisavorovoro, manasavorovoro, mamorovoro, mampisaritaka, manasaritaka, mampikorokoro, manakorokoro, manakotikotika, mampikorontana, manakorontana, mampifangaro, mampifanjevo. Il embrouille toutes les affaires. *Mampisafotofoto,* etc., ny raharaha rehetra izy.

S'embrouiller, *vpr.* Misafotofoto, mifotofoto, misavorovoro, misaritaka, mikorokoro, mikotikotika, mikorontana, mifangaro, mifanjevo. Ses idées s'embrouillent. *Misafotofoto,* etc., ny heviny.

EMBRUMÉ, ÉE, *adj.* Manjavona.

EMBRUMER, *va.* Mampanjavona.

S'embrumer, *vpr.* Mihamanjavona.

EMBRYON, *sm* 1° Zaza vao mitsaika, zaza vao torontoronina, zana-biby vao torontoronina. 2°—, Zava-maniry vao mitsimoka. 3° *fig.* Olona keliray.

EMBÛCHE, *sf.* Fandrika. Tendre des embûches à quelqu'un. *Mamandrika* olona.

EMBUSCADE, *sf.* Fierena, famitsahana, otrika.

EMBUSQUER, *va.* Mampiery, mampamitsaka, mampanao otrika.

S'embusquer, *vpr.* Miery, mamitsaka, manao otrika. Cinquante soldats s'embusquèrent dans le bois. Miaramila dimam-polo lahy *niery,* etc., tao anaty ala.

ÉMERAUDE, *sf.* Vatosoa maitso.

ÉMERI, *sm.* Vato mafy fanaovana ampaly fasika.

ÉMÉRITE, *adj.* Napetraka hisotro ronono sady mahazo vola isan-taona. Professeur—. Mpampianatra *napetraka hisotro ronono sady mahazo vola isantaona.*

ÉMERVEILLER, *va.* Mahatalanjona, mampitampim-bava. Cela a émerveillé tout le monde. *Nahatalanjona,* etc., ny olona rehetra izany.

S'émerveiller, *vpr.* Talanjona, mitampim-bava.

ÉMÉTIQUE, *sm.* et *adj.* Fanafody fandoavana.

ÉMETTRE, *va.* Mamoaka. La banque a émis de nouveaux billets. Ny banky *namoaka* taratasy vola vaovao. Voici l'avis qu'il a émis. Inty ny hevitra *navoakany.*

ÉMEUTE, *sf.* Fikomiana.

ÉMEUTIER, *sm.* Mpikomy, mpandrendri-bahoaka, mpamoky vahoaka.

ÉMIETTER, *va.* Mamotipotika. —du pain. *Mamotipotika* mofo.

S'émietter, *vpr.* Mipotipotika.

ÉMIGRANT, ANTE, *adj.* et *s.* Miala amy ny tanin-drazana, mandao ny —. Plusieurs émigrants se sont embarqués pour l'Amérique. Olona maro no *niala tamy ny tanin-drazany,* etc., ka niondrana ho any Amerika.

ÉMIGRATION, *sf.* Fialana amy ny tanin-drazana, fandaozana ny—, fifindrantany.

ÉMIGRÉ, ÉE, *adj.* et *s.* Miala amy ny tanin-drazana, mandao ny—.

ÉMIGRER, *vn.* Miala amy ny tanin-drazana, mandao—, mifindra tany. Plusieurs oiseaux émigrent à l'approche de l'hiver. Misy vorona sasany *mifindra tany* raha akaiky ny ririnina.

ÉMINEMMENT, *adv.* Indrindra. Il possède — cette science. Hainy *indrindra* izany fahaizana izany.

ÉMINENCE, *sf.* 1° Havoana, kiborintany, kiborim-pasika. 2° *fig.* Habe. L'— de sa vertu. Ny *haben'* ny hatsaram-panahiny. 3° —, Anaram-boninahitra fanajana ny kardinaly.

ÉMINENT, ENTE, *adj.* 1° Avo, manerinerina. Lieu —. Fitoerana *avo,* etc. 2° *fig.* Ambony, lehibe indrindra, lehibe. Il a obtenu un emploi —. Nahazo raharaha *ambony* izy. C'est un homme — en doctrine, d'un savoir —. Olona *mahay indrindra* izy. Il a couru un danger —. Kasa nahita loza *lehibe* izy.

ÉMISSAIRE, *sm.* Mpitsikilo, iraka mangingina.

—, *adj.* Bouc —. Osilahy nataon' ny Jody faditra; *fig.* olona atao faditry ny be, amindrana voina.

ÉMISSION, *sf.* 1° Famoahana. Voy. Émettre. 2°—, Fanaovana ampahibemaso. — des vœux. *Fanaovana* voady *ampahibemaso.*

EMMAGASINAGE, *sm.* Fampidirana ao amy ny magazay.

EMMAGASINER, *va.* Mampiditra ao amy ny magazay. — des marchandises. *Mampiditra* varotra *ao amy ny magazay.*

EMMAILLOTER, *va.* Mamono lamban-jaza.

EMMANCHER, *va.* 1° Manisy zarany, manombo amy ny zarany. Emmanchez la bêche. *Asio zarany, ahomboy amy ny zarany* ny angady. 2° *fig.* Manomboka raharaha.

S'emmancher, *vpr.* 1° Mitsetaka amy ny zarany, mihombo. 2° *fig.* Manomboka.

EMMÉNAGER, *vn.* Manamboatra ny fomban-tokan-trano amy ny trano ifindrana.

S'emménager, *vpr.* Manamboatra ny fomban-tokan-trano amy ny trano ifindrana, mamory ny fomban-tokan-trano.

EMMENER, *va.* Mitondra. Emmenez cet homme. *Ento* io olona io.

EMMENOTTER, *va.* Manompana ny tánana.

EMMIELLÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Nohosorana tantely. 2° *fig.* Il a toujours des paroles emmiellées. Malefaka am-bava, tsara vava mandrakariva izy.

EMMIELLER, *va.* Manosotra tantely.

EMMUSELER, *va.* 1° Manisy sarombavam-biby. 2° *fig.* Manampim-bava.

ÉMOI, *sm.* Fahatairana, fangitakitaka, fivadiham-po. Mettre en—. *Mahataitra, mampangitakitaka, mampivadi-po.*

ÉMOLLIENT, ENTE, *adj.* Manalefaka, manaketraka. Emplâtre—. Katapilasy *manalefaka,* etc.

—, *sm.* Fanafody manaketraka.

ÉMOLUMENTS, *sm. pl.* 1° Tombony, ny azo. Il n'a reçu aucun—de cette affaire. Tsy nahita *tombony* na dia kely aza, tsy *nahazo* na inona na inona tamin' izany raharaha izany izy. 2°—, Karama. Quels sont les—de cet emploi? Hoatrinona no *karama* amin' izany raharaha izany?

ÉMONDAGE, *sm.* Fandrantsanana.

ÉMONDER, *va.* 1° Mandrantsana. Émondez cet arbre. *Rantsano* io hazo io. 2°—, Manadio, mikororóka. —le blé. *Manadio,* etc., varim-bazaha.

ÉMONDEUR, *sm.* Mpandrantsana.

ÉMOTION, *sf.* 1° Hatairana, fangitakitaka, fivadiham-po, fihontsina, fientanam-po, fihetseham-po, fangoraham-po, fitserana, fahonena. Il n'éprouva aucune—en face de la mort. Tsy *taitra,* tsy *nangitakitaka,* tsy *nivadi-po,* tsy *nihontsina* na dia kely aza izy, nefa efa eo ambavan' ny fahafatesana. Ce discours lui a causé une grande—. Izany laha-teny izany *nampientana ny fony, nampihetsika ny fony, nampangora-po, nampitsetra, nahonena* azy. 2°—, Tabataba. Il calma l'—populaire. Nampitsahatra ny *tabataban'* ny vahoaka izy.

ÉMOTIONNER, *va.* Mahataitra, mampangitakitaka, mampivadi-po, mampientana ny fo, mampihetsika ny fo, mampangora-po, mampitsetra, mahonena.

S'émotionner, *vpr.* Taitra, mangitakitaka, mivadi-po, mangora-po, mitsetra, onena.

ÉMOTTER, *va.* Mitombo-doha, mamaky loha, manorotoro bainga.

ÉMOUCHER, *va.* Mandroaka lalitra.

ÉMOUCHOIR, *sm.* Rambon-tsoavaly fandroahan-dalitra.

ÉMOUDRE, *va.* Manasa amy ny vatovary.

ÉMOULEUR, *sm.* Mpanasa antsy, —hety, etc.

ÉMOULU, UE, *p.* et *adj.* 1° Voasa, nasa'na. 2° *fig.* Jeune homme frais — du collège. Tovolahy vao niala tamy ny kolejy.

ÉMOUSSÉ, ÉE, *adj.* 1° Dombo. 2° *fig.* Donto, nihena. Il a l'esprit—. *Donto* saina izy.

ÉMOUSSER, *va.* 1° Mandombo. —un sabre. *Mandombo* sabatra. 2° *fig.* Mahadonto, mampihena. La volupté émousse le courage. Ny fanaranam-batana *mampihena* ny herim-po.

S'émousser, *vpr.* 1° Mihadombo. 2° *fig.* Mihadonto, mihena.

ÉMOUSTILLER, *va.* Mahafalifaly, mahasariadriaka, mampahavitrika, mampaharisika. Le vin de Champagne émoustille. *Mahafalifaly, mahasariadriaka* ny sampaina.

S'émoustiller, *vpr.* Mihavitrika, mihamarisika.

ÉMOUVANT, ANTE, *adj.* Mampangora-po, mampitse-po, mahonona.

ÉMOUVOIR, *va.* 1° Mampihetsika. Le

fainéant est difficile à—. Sarotra ny *mampihetsika* ny kamo. 2°—, Mahataitra, mampivadi-po, mampientana ny fo, mampihetsika ny fo, mampangora-po, mampitsetra, mahonena. Rien n'émeut l'homme courageux. Tsy misy *mahataitra, mampivadi-po* izay mahery fo. Ses larmes m'ont ému. Ny ranomasony *nampientana ny foko, nampihetsika ny foko, nampangora-po, nampitsetra, nahonena* ahy. 3°—, Mampitabataba. Les factieux tentèrent d'— le peuple. Ny mpiray tetika nitady *hampitabataba* ny vahoaka.

S'émouvoir, *vpr.* 1° Taitra, mivadi-po, mangora-po, mitsetra, onena. 2°—, Mitabataba.

EMPAILLAGE, *sm.* Fanesehana hodi-biby.

EMPAILLÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Voasesika mololo hitahirizana azy. Oiseau —. Fatim-borona *voasesika mololo hitahirizana* azy. 2°—, Voarary mololo.

EMPAILLER, *va.* 1° Manesika mololo ny hodi-biby hitahirizana azy. 2°—, Mandrary mololo amy ny seza.

EMPAILLEUR, EUSE, *s.* 1° Mpanesika hodi-biby. 2°—, Mpandrary mololo amy ny seza.

EMPALEMENT, *sm.* Fanasondrovahana amy ny hazo maranitra.

EMPALER, *va.* Manasondrovaka amy ny hazo maranitra.

EMPAN, *sm.* Zehy. La planche a deux empans de large. Roan-*jehy* ny haben' ny hazo fisaka. Mesurer par empans. *Manjehy.*

EMPANACHER, *va.* Manisy volomborona. —un casque. *Manisy volomborona* ny satroka valalamihoatra.

EMPAQUETER, *va.* Manao anentana. Empaquetez ces habits. *Ataovy anentana* ireo akanjo ireo.

S'empaqueter, *vpr.* Mifono. Il s'empaqueta dans son manteau. *Nifono* ny kapotiny izy.

EMPARER (S'), *vpr.* 1° Maka, mahazo. Les ennemis s'emparèrent de la place par surprise. Sovok' ady no *nakana, nahazoan'* ny fahavalo ny tanána. 2° *fig.* Mahazo, mandresy. La peur s'empara de moi. *Azon', resin'* ny tahotra aho.

EMPÂTÉ, ÉE, *p.* et *adj.* Maditidity.

EMPÂTEMENT, *sm.* Fahaditidity.

EMPÂTER, *va.* Mampahaditidity. —les mains, la bouche. *Mampahaditidity* ny tánana, ny vava.

S'empâter, *vpr.* Mihamaditidity.

EMPÊCHÉ, ÉE, *p.* et *adj.* Voasakana, nosakanana, sakanana, voasampontsampona, nosampotsamponana, sahirana. Il a les mains empêchées. *Sahirana* ny tánany.

EMPÊCHEMENT, *sm.* Sakana, fisakanana, sampona. Venez demain, s'il n'y a pas d'—. Tongava rahampitso, raha tsy misy *sakana, sampona.* Il a mis — au mariage de sa fille. *Nisakana* ny fanambadian' ny zanany vavy izy. Il a levé tout —. Nesoriny ny *sakana* rehetra.

EMPÊCHER, *va.* Misakana, manampontsampona, tsy mampi..., tsy mampan.... Empêchez-le d'entrer. *Sakano* tsy hiditra izy. Cette muraille empêche la vue. Io ampiantany io no *misakana* tsy hahitana. Les visites fréquentes qu'il reçoit l'empêchent de travailler. Ny famangiana ataon' ny olona aminy mateti-ka no *misakantsakana, manampontsampona* azy tsy hiasa. Les puces empêchent de dormir. *Tsy mampandry* ny parasy. Le gouverneur empêcha cette injustice. Ny governora *nisakana* izany zavatra tsy an-drariny izany.

S'empêcher, *vpr.* Mahatan-tena. Ne pouvoir s'—de.... Tsy *mahatana,* tsy mahasakana, tsy maharitra, tsy maintsy. Il ne put s'—de rire. Tsy *nahatana* ny hehiny izy. Il ne peut s'—de parler. Tsy *tanany* ny vavany. Il ne peut s'—de dormir. *Tsy mahasakana* ny torimasony, *tsy maharitra* torimaso izy. Je ne puis m'—de vous reprendre. *Tsy aritro* ny hananatra anao, *tsy maintsy* hananatra anao aho.

EMPEIGNE, *sf.* Tampon-kiraro.

EMPEREUR, *sm.* Mpanjaka, emperora.

EMPESAGE, *sm.* Fanisiana tavolo.

EMPESÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Nasiana tavolo, misy tavolo. 2° *fig.* Mitihintihina, miangolangola, miangentsana, miangeso. Cet homme a l'air—. *Mitihintihina* io lehilahy io. Il a un style—. *Miangolangola, miangentsana, miangeso* ny laha-teniny. Voy. AFFECTÉ.

EMPESER, *va.* Manisy tavolo.

EMPESEUR, EUSE, *s.* Mpanisy tavolo.

EMPESTER, *va.* Manamantsina, mampahavoroka, maimbo, mantsina. Ces cadavres empestent l'air. *Manamantsina, mampahavoroka* ny rivotra ireo fa-

ty ireo. Il empeste tout le monde de son haleine. *Maimbo* vava, *mantsimbava* izy. 2° *fig.* Manimba. Ses erreurs ont empesté le royaume. *Nanimba* ny fanjakana ny hevi-diso naeliny.

EMPÊTRER, *va.* 1° Maningotra. 2° *fig.* Mampihitsoka. Il m'a empêtré dans une méchante affaire. *Nampihitsoka* ahy tamy ny raharaha sarotra izy.

S'empêtrer, *vpr.* 1° Misingotra. Le cheval s'est empêtré dans les traits. *Voasingotry* ny anja-koditra ny soavaly. 2° *fig.* Mihitsoka.

EMPHASE, *sf.* Fiangolangolana, fiangentsanana, fiangesoana, renty be loatra, haingo be loatra. Il parle avec —. *Miangolangola, miangentsana, miangeso* izy raha miteny.

EMPHATIQUE, *adj.* Miangolangola, miangentsana, miangeso, be renty loatra, be haingo loatra. Discours —. Lahateny *miangolangola*, etc.

EMPHATIQUEMENT, *adv.* Am-piangolangolana, am-piangentsanana, ampiangesoana.

EMPIERRER, *va.* Manamboatra lálana amy ny akoravato.

EMPIÉTEMENT, *sm.* Fanitarana, fitarana, fanaovana angady be lela.

EMPIÉTER, *va.* et *vn.* Manitatra, manao angady be lela. Vous avez empiété sur mon champ. *Nanitatra*, etc., tamy ny tanimboliko hianao. La rivière a empiété sur mon terrain. *Nanitatra* tamy ny taniko ny renirano. 2° *fig.* Misalovana. Il empiète sur mon emploi. *Misalovana* ahy amy ny raharahako izy.

EMPIFFRER, *va.* Mandetra hanina.

S'empiffrer, *vpr.* Miletra.

EMPILEMENT, *sm.* Fampifanongoavana, fanaovana antontany.

EMPILER, *va.* Mampifanongoa, manao antontany. — du bois. *Mampifanongoa* hazo, *manao antontan*-kazo.

S'empiler, *vpr.* Ampifanongoavina, atao antontany.

EMPIRE, *sm.* 1° Fanjakana anjakan'ny emperora. 2° —, Fahefana, fanapahana, fandidiana, fifehezana, hery. Avoir de l'— sur soi. *Mahafehy* tena. L'— de la vertu. Ny *herin'* ny hatsaram-panahy. ‖ *loc.* Exercer un — despotique. Manao jadona, manao teniko fe lehibe, manao teny tsy valiana. Avoir de l'— sur quelqu'un. Mahataona, mahatarika olona. Voy. Pouvoir, Puissance.

EMPIRER, *va.* Maharatsy, mampandroso. Ce que vous avez fait empire ma situation. Izay nataonao *maharatsy* ny toe-draharahako. Les remèdes n'ont fait qu'—le mal. Vao mainka *nampandroso* ny aretina ny fanafody.

—, *vn.* Miharatsy, mandroso.

EMPIRIQUE, *sm.* Mpanao fanafody tsy nianatra, mpanao fanafody kitoatoa.

EMPIRISME, *sm.* Fahaizam-panafody tsy nianarana, fanaovana fanafody kitoatoa.

EMPLACEMENT, *sm.* Tokotany. Mon —est trop petit. Kely loatra ny *tokotaniko.*

EMPLÂTRE, *sm.* Kataplasy, fesana.

EMPLETTE, *sf.* 1° Fividianana. J'ai fait mes emplettes. Efa *nividy* ny zavatra ilaiko aho. 2°—, Ny zavatra novidina. Regardez mes emplettes. Jereo ny *zavatra novidiko.*

EMPLIR, *va.* Mameno. —un tonneau. *Mameno* barika.

S'emplir, *vpr.* Mihafeno.

EMPLOI, *sm.* 1° Fandaniana, fanaovana, fitondrana, fanisiana. Il fait un mauvais —de son argent. *Mandany* foana ny volany izy. 2°—, Raharaha. Il a obtenu un— lucratif. Nahazo *raharaha* mampahazo vola be izy.

EMPLOYÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Lany, nolanina, lanina, nanaovana, anaovana, natao, atao, nentina, entina, nasiana, asiana. 2°—, Nomen-draharaha, omen-draharaha.

—, *adj.* et *s.* Mpanao raharaha.

EMPLOYER, *va.* 1° Mandany, manao, mitondra, manisy. Il emploie bien son temps. *Mandany* tsara ny androny izy. Voici l'étoffe qu'il faut—pour ce pantalon. Indro ny lamba tokony *hanaovana* izany pataloha izany. Voici le remède qu'il faut— pour cette plaie. Indro ny fanafody izay tokony *hatao* amin' io fery io. Il a employé tous les moyens pour obtenir cette charge. *Nanao* izay hahazoana izany raharaha izany izy. Il emploie la douceur envers ses subordonnés. *Mitondra* ny olom-peheziny amin-kalemempanahy izy. Il a employé mille piastres à la construction d'un hôpital. Vola arivo no *nolaniny, nentiny* nanaovana trano fitsaboana. N' employez pas ce mot dans cette phrase. Aza *asiana* io teny io ity fehezan-teny ity. 2°—, Manome raharaha. On l'a employé dans les pays étrangers. *Nomen-draharaha* any amy ny fanjakana hafa izy.

S'employer, *vpr.* 1° Manao raharaha Il s'est employé pour moi. *Nanao raharaha* ho ahy izy. 2°—, Atao, fanao, asiana. Ce mot ne s'emploie pas. Tsy *fanao* izany teny izany.

EMPLUMER, *va.* Manisy volom-borona.

S'emplumer, *vpr.* 1° Manisy volom-borona amy ny tenany. 2° *fig.* Mihamanan-karena, manaritra, mihamatavy.

EMPOCHER, *va.* Manao am-paosy. Il empoche tout ce qu'il gagne. *Ataony am-paosy* avokoa izay rehetra azony.

EMPOIGNER, *va.* Misambotra, mangia, mangeja, mibeda. Il l'empoigna par le bras *Nosamboriny, nogiazany, nogejany, nobedany* tamy ny sandriny izy. Empoignez ce voleur. *Sambory, giazo, gejao, bedao* io mpangalatra io.

S'empoigner, *vpr.* 1° Mifampitolona, mifang'a, mifangeja, mifampibeda. 2° *fig.* Mifanjihitra, miady vava.

EMPOIS, *sm.* Tavelo atao amy ny al anjo.

EMPOISONNEMENT, *sm.* Fanomezana poizina.

EMPOISONNER, *va.* 1° Manome poizina, manisy poizina, — raiboboka, —famamo. Le bruit court qu'on l'a empoisonné. *Nomena poizina,* hono, izy. —un chien. *Manome poizina* alika. —une fontaine. *Manisy poizina* ny fantsakana. — des lances. *Manisy raiboboka* ny lefona. — une rivière. *Manisy famamo* ny renirano. 2°—, Mahafaty. Certains champignons empoisonnent. Misy holatra sasany *mahafaty.* 3° *fig.* Manimba, manaitaitra, manembantsembana. Les mauvais exemples empoisonnent la jeunesse. Ny oha-pitondran-tena ratsy ataon' ny sasany *manimba* ny tanora. Cette pensée empoisonnait mon existence. Izany hevitra izany *nanaitaitra* ny androko. La crainte empoisonne le plaisir. Ny tahotra *manembantsembana* ny hafaliana.

—, *vn.* Mantsina, mavoroka. Ce poisson empoisonne. *Mantsina,* etc., io hazandrano io.

S'empoisonner, *vpr.* Misotro poizina.

EMPOISONNEUR, EUSE, *s.* 1° Mpanome poizina. 2° *fig.* Mpahandro tsy mahay. 3°—, Mpanimba vahoaka amy ny fampianaran-dratsy.

EMPOISSONNER, *va.* Manisy hazandrano. — un étang. *Manisy hazandrano* ny dobo.

EMPORTÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Nentina. 2°—, Nindaosina, voapaoka, nopaohina, voafaoka. nofaohina. 3° *fig.* Maty, azo, nentina. 4°—, Saro-po, foizina, mora tezitra.

EMPORTEMENT, *sm.* Hatezerana. Dans ses emportements il ne ménage personne. Raha *tezitra* izy tsy mifidy olona.

EMPORTER, *va.* 1° Mitondra. Emportez ce malade. *Ento* io marary io. Il a emporté des provisions. *Nitondra* vatsy izy. 2°—, Manindao, mipaoka, mifaoka. Le torrent a emporté le pont. *Nindaosina, nopaohina, nofaohin'* ny riaka ny tetezana. 3° *fig.* Mahafaty, mahazo, mitondra. La fièvre l'emporta. *Nahafaty* azy ny tazo. L'ennemi a emporté la place. *Azon'* ny fahavalo ny tanána. La colère l'emporta. *Nentin'* ny hatezerana izy. 4°—, Arahina, misy. Dans quelques pays la condamnation à mort emporte la confiscation des biens. Amy ny fanjakana sasany izay helohinko faty dia *arahina* baboim-panana-na.

—, *vn.* Mandresy, mahery lanja, arahina, tsara noho.... Il l'a emporté sur ses concurrents. *Nandresy* izay nifaninana taminy izy. Son avis l'emporta. *Nahery lanja, narahina* ny heviny. Ce vin l'emporte sur tous les autres. Io divay io *tsara noho* ny sasany.

S'emporter, *vpr.* 1° Entina. Les livres s'emportent facilement. Mora *entina* ny boky. 2° *fig.* Tezitra, mitroatra. Il s'emporte pour rien. *Tezitra* amy ny zavatra tsinontsinona izy. Son cheval s'emporta. *Nitroatra* ny soavaliny.

EMPOURPRÉ, ÉE, *adj.* Mivolon-jaky, mena. Des fleurs empourprées. Voninkazo *mivolon-jaky,* etc.

EMPOURPRER, *va.* Manamena. Le soleil empourpre l'horizon. Ny masoandro *manamena* ny vodilanitra.

S'empourprer, *vpr.* Mihamena.

EMPREINDRE, *va.* 1° Manonta.—une image sur la cire. *Manonta* sary amy ny savoka. 2° *fig.* Misokitra.

S'empreindre, *vpr.* Tontaina, misy marika, misy dia. Leurs pas s'étaient empreints sur le sable. *Nisy mariky* ny diany, *nisy dian*-tongony tamy ny fasika.

EMPREINT, EINTE, *p.* 1° Voatonta, natonta, notontaina. L'image a été bien empreinte. *Voatonta,* etc., tsara ny sary.

2° *fig*. Voasokitra, miseho. Ces sentiments sont empreints dans nos cœurs. *Voasokitra* ao am-pontsika ireo hevitra ireo. La tristesse est empreinte sur son visage. *Mischo* amy ny tarehiny ny alahelony.

EMPREINTE, *sf*. Marika, dia. L'— d'un cachet. Ny *mariky* ny fitomboka. —des pas. *Dian*-tongotra.

EMPRESSÉ, ÉE, *adj*. Maika, dodona, maimay, mitaitay, mirotoroto, mikorododo, mikorobobo, miheninkenina, mikorapaka. C'est un homme fort —. Olona *maika*, etc., izy. On les vit empressés à se ranger sous sa domination. *Maika, dodona, maimay, nirotoroto* mba hanoa azy izy ireo.

EMPRESSEMENT, *sm*. Hamaikana, hadodonana, hamaimaizana, fitaitaizana, firotorotoana, fikorododoana, fikoroboboana, fiheninkenenana, fikorapahana.

EMPRESSER (S'), *vpr*. Maika, dodona, maimay, mitaitay, mirotoroto, mikorododo, mikorobobo, miheninkenina, mikorapaka. Il s'empressa de partir. *Maika, dodona, maimay, nitaitay, nikorobobo, nikorapaka* hiala izy. Il s'empressait auprès du malade. *Niheninkenina, nikorapaka* namonjy ny marary izy.

EMPRISONNEMENT, *sm*. Fanaovana an-tranomaizina.

EMPRISONNER, *va*. 1° Manao an-tranomaizina. 2° *fig*. Manao sokera. Les eaux nous emprisonnent. *Voasokeran'* ny rano isika.

S'emprisonner, *vpr*. Mihiboka, mifahy.

EMPRUNT, *sm*. 1° Findramana, fisamborina, fananána, fanjanahana. 2° —, Zavatra indrana, vola samborina, vola nohanaina, vola nozanahina. Il porte un habit d'—. Miakanjo *indrana* izy. 3° *fig*. Zavatra alaina, zavatra ankosoka. Beauté d'—. Hatsaran-tarehy *ankosoka*.

EMPRUNTÉ, ÉE, *p*. et *adj*. 1° Indrana, nindramina, indramina, nosamborina, samborina, nohanaina, hanaina, nozanahina, zanahina. 2° *fig*. Noraisina, raisina, nalaina, alaina, ankosoka. C'est un mot— du latin. Teny *nalaina* tamy ny teny latina izany. Ce livre a paru sous un nom—. Anarana *nalaina* no anaran' ny namorona izany boky navoaka izany. Érudition empruntée. Fahaizana *ankosoka*.

EMPRUNTER, *va*. 1° Mindrana, misambotra, manána, manjanaka. —un livre. *Mindrana* boky. J'ai emprunté deux piastres à mon ami. *Nisambotra* ariary roa tamy ny sakaizako aho. J'ai emprunté mille piastres à cinq pour cent. *Nanána, nanjanaka* vola arivo miteraka ariary dimy isan-jato isan-taona aho. 2° *fig*. Mandray, maka. La lune emprunte sa lumière du soleil. Ny volana *mandray* ny fahazavany avy amy ny masoandro. L'homme emprunte à la terre ses richesses. Ny olona *maka* ny harena izay ao amy ny tany. Il a emprunté le nom d'un autre. *Naka* anaran' olon-kafa izy.

S'emprunter, *vpr*. Indramina, samborina, hanaina, zanahina.

EMPRUNTEUR, EUSE, *s*. Mpindrana, mpisambotra, mpanána, mpanjanaka.

EMPUANTIR, *va*. Manamaimbo. Le marais empuantit le voisinage. Ny honahona *manamaimbo* ny manodidina azy.

EMPYRÉE, *sm*. Lanitra farany ambony indrindra.

ÉMU, UE, *p*. et *adj*. Taitra, notairina, mivadi-po, manam-badi-po, mangora-po, mitsetra, onena. Ne soyez pas—. Aza *taitra, mivadi-po, manam-badi-po*.

ÉMULATION, *sf*. Fifaninanana. Excitez leur—. Amporisiho mba *hifaninana* izy ireo.

ÉMULE, *s*. Mpifaninana. Il a surpassé tous ses émules. Nihoatra izay rehetra *nifaninana* taminy izy.

EN, *prép*. 1° Amy, any, ao, an..... Il est parti — Mai. Lasa *tamy* ny volana May izy. Il est arrivé à Tamatave — huit jours. Tonga tany Toamasina *tamy* ny havaloan' andro izy. Il vit — pays étranger. Mitoetra *amy* ny fanjakana hafa izy. Il reste — France. Mitoetra *any* Frantsa izy. Il est—prison. Ao *an*-tranomaizina izy. Je vous le dirai — quelques mots. Holazaiko aminao *amy* ny teny vitsivitsy izany. Il a écrit cet ouvrage—français. *Amy* ny teny frantsay no nanaovany izany boky izany. Docteur — théologie. Dokotera *amy* ny teolojia. 2°—, Raha, nony, fony. Je ferai ce travail—été. Hataoko *raha* fahavaratra izany raharaha izany. Prenez ceci — partant. Ento ity *raha* miala hianao. Voici ce qu'il m'a dit—partant. Izao ny nola-

zainy tamiko *nony, fony* niala izy, *tamy* ny izy niala. ‖ *loc.* Il voyage — voiture. Mitaingin-kalesy izy raha mivahiny. C'est une femme habillée—homme. Vehivavy manao fitafian-dahy izy. — bonne santé. Salama.—colère. Tezitra —nourrice. Taizaina. Avoir—horreur. Mankahala. Être — affaire. Manan-draharaha. Marmite — fer. Vilany vy. etc.

EN, *pron. pers.* 1° Any. Vient-il de la ville ? oui, il—vient. Moa avy any an-tanána izy ? eny, avy *any* izy. 2°—, Noho izany, amin' izany, izany, etc. J'—mourrai de douleur. Ho fatin' ny alahelo aho *noho izany.* N'—doutez pas. Aza misalasala *amin' izany.* J'—ai besoin. Ilaiko *izany.* Je lui —ai parlé. Efa niteny *izany* taminy aho. J'— ai mangé. Efa nihinanako *izany.* ‖ *loc.* S'— aller. Mody. S'— retourner. Miverina, mody. À qui— voulez vous ? Iza no tadiavinao ? Il m'— veut depuis longtemps. Manao an-dolompo amiko hatry ny ela izy. A-t-il des amis? Il n'—a qu'un. Moa manan-tsakaiza izy? Tsy manana afa-tsy anankiray monja izy.

ENCADREMENT, *sm.* Tranon-tsary. Combien coûtera l'—de ce tableau ? Hoatrinona no ho vidin' ny *tranon'* io *sary* io ?

ENCADRER, *va.* 1° Manao tranon-tsary. Il a bien encadré ce tableau. *Natao-ny* tsara ny *tranon'* io *sary* io. 2° —, Manodidina. De hautes montagnes encadrent la plaine. Misy tendrombohitra avo *manodidina* ny tany lemaka. 3° *fig.* Manisika. Il a fort habilement encadré l'éloge du roi dans son discours. *Nasisiny* tamim-pahaizana tao amy ny lahateniny ny fiderana ny mpanjaka.

ENCADREUR, *sm.* Mpanao tranon-tsary.

ENCAGER, *va.* 1° Mametraka vorona ao amy ny tranom-borona. Encagez ces oiseaux. *Apetraho ao amy ny tranom-borona* ireo vorona ireo. 2° *fig.* Manao ao an-tranomaizina.

ENCAISSE, *sf.* Vola ao anaty lalomoara vy. Il a une — considérable. Be ny *vola-ny ao anaty lalomoara vy.*

ENCAISSÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Ao anaty lalomoara vy. 2°—, Napetraka tao anaty kesika. 3°—, Misy morona mandrindrina, — mitatao. Cette rivière est encaissée. Izany renirano izany *misy morona mandrindrina, mitatao.*

ENCAISSEMENT, *sm.* 1° Fametrahana vola ao anaty lalomoara vy. 2°—, Fanaovana ao anaty kesika.

ENCAISSER, *va.* 1° Mametraka ao anaty lalomoara vy. Combien avez-vous encaissé aujourd'hui? Hoatrinona no vola *napetrakao tao anaty lalomoara vy* androany ? 2°—, Manao ao anaty kesika. Encaissez ces orangers. *Ataovy ao anaty kesika* ireo foto-daoranjy ireo.

S'encaisser, *vpr.* Misy morona mandrindrina, — mitatao. Dans la forêt la rivière s'encaisse entre les montagnes. Any anaty ala ny renirano mandeha anelanelan' ny tendrombohitra *mandrindrina, mitatao.*

ENCAN, *sm.* Lavanty. J'ai acheté ceci à l'—. Novidiko tamy ny *lavanty* ity.

ENCAPUCHONNER, *va.* Manaron-doha.

S'encapuchonner, *vpr.* Misaron-doha.

ENCAVER, *va.* Mametraka zavatra fisotro ao anatin' ny magazay. Il est temps d'—ce vin-là. Tokony *hapetraka* ao *anatin'ny magazay* io divay io izao.

ENCEINDRE, *va.* Manisy manodidina. —une ville de fossés. *Manisy* hady *manodidina* ny tanána.

ENCEINTE, *adj. f.* Bevohoka, mavesatra.—de trois mois. *Bevohoka* mandray telo.

ENCEINTE, *sf.* 1° Faritra manodidina. Tracez l'—du camp. Asivy *faritra manodidina* ny toby. 2°—, Rova, tamboho, sehatra, fefy manodidina, vala—, manda—, hady—. Une—de palissades entoure la résidence du gouverneur. Misy *rova* manodidina ny tanána itoeran' ny governora. L'—d'un camp. *Ny sehatra* manodidina ny toby. Faire l'—d'une ville. Manao *manda manodidina* ny tanána anankiray. Une double—de fossés protège la ville. Misy *hady* roa sosona miaro ny tanána. 3°—, Efitra, efi-trano. Les soldats pénétrèrent dans l'—où siégeait le conseil. Ny miaramila niditra hatrany anatin' ny *efitra, efi-trano* nipetrahan' ny mpanolo-tsaina.

ENCENS, *sm.* 1° Emboka. Brûler de l'—sur les autels. Mandoro *emboka* eny ambony otely. 2° *fig.* Doka, dera. Il lui a donné de l'—. *Nandóka, nidera* azy izy.

ENCENSEMENT, *sm.* Fanembohana. Faire des encensements autour d'un cercueil. *Manemboka* manodidina ny tranovorona.

ENCENSER, *va.* 1° Manemboka. —l'évêque. *Manemboka* ny eveka. 2° *fig.* Mivavaka. —les faux dieux. *Mivavaka* amin' andriamanitra tsizy. 3°—, Mandóka, midera. —les grands. *Mandóka,* etc., ny lehibe.

ENCENSEUR, *sm.* Mpandóka, mpidera.

ENCENSOIR, *sm.* Fanembohana.

ENCHAÎNEMENT, *sm.* Fitohizana, fifanarahana, fifandimbasana. Un — de malheurs. Fahoriana *mitohitohy, mifanarakaraka, mifandimby.*

ENCHAÎNER, *va.* 1° Managadra. —un chien. *Managadra* alika. 2° *fig.* Mampanaiky. —un peuple. *Mampanaiky* vahoaka. 3°—, Misakana, mahatana, mamolaka. Un serment enchaîne ma langue. Misy fianianana *misakana* ahy tsy hiteny. Il ne peut—sa langue. Tsy *mahatam*-bava izy. Il ne peut—ses passions. Tsy *mahafolaka* ny filan-dratsiny izy. 4°—, Mitarika. Sa vertu enchaînait tous les cœurs. Ny hatsaram-panahiny *nitarika* ny fon' ny olona rehetra. 5°—, Mampitohy, mampifanaraka.

S'enchaîner, *vpr.* 1° Miraikitra. Il s'est enchaîné à son parti. *Niraikitra* tamy ny andaniny izy. 2°—, Mitohy, mifanaraka, mifandimby. Tout s'enchaîne bien dans son discours. *Mitohy, mifanarakaraka* tsara ny zavatra rehetra ao amy ny laha-teniny.

ENCHANTÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Voan' ny ody fandraikiraikena, —fandravoravoana, nasiana fankatoavana. 2° *fig.* Ravoravo, falifaly. Il a l'esprit—. *Ravoravo, falifaly* ny sainy. 3°—, Mahafinaritra. Séjour—. Fitoerana *mahafinaritra.* 4°—, Voasodóka.

ENCHANTEMENT, *sm.* 1° Ody fandraikiraikena, ody fandravoravoana, fankatoavana. 2° *fig.* Faharavoravoana, hafalifaliana, hafinaritra, igagana. Il est dans l'—. *Ravoravo, falifaly* izy. Cette fête était un—. *Nahafinaritra, nahagaga, nigagana* izany fety izany.

Comme par enchantement, *loc. adv.* Haingana dia haingana. Cette maison a été construite comme par —. Vita *haingana dia haingana* io trano io.

ENCHANTER, *va.* 1° Manisy ody fandraikiraikena, —fandravoravoana, —fankatoavana. 2° *fig.* Maharavoravo, mahafalifaly, mahafinaritra, mahagaga. Cette musique m'a enchanté. *Naharavoravo, nahafalifaly, nahafinaritra* ahy izany hira izany. La mer m'enchante. *Mahafinaritra* ahy ny ranomasina. 3°—, Manodóka. Les louanges l'enchantent. *Manodóka* azy ny dera.

ENCHANTEUR, ERESSE, *s.* et *adj.* 1° Mpanao ody fandraikiraikena, — fandravoravoana, —fankatoavana. 2° *fig.* Maharavoravo, mahafalifaly, mahafinaritra. Style—. Laha-teny *mahafinaritra.* 3°—, Manodóka.

ENCHÂSSER, *va.* 1° Mametaka. —un diamant dans une bague. *Mametaka* diamondra amy ny peratra. 2° *fig.* Manisika. —une citation dans un discours. *Manisika* teny nalaina ao amy ny laha-teny.

S'enchâsser, *vpr.* 1° Mitsetaka. 2° *fig.* Nasisika.

ENCHÂSSURE, *sf.* Fametahana.

ENCHÈRE, *sf.* 1° Songom-barotra. Personne n'osait mettre— sur lui. Tsy nisy olona sahy *nanongom-barotra* azy. 2° —, Lavanty. Vendre aux enchères. Manao *lavanty.*

ENCHÉRIR, *va.* Manongom-barotra.—une maison. *Manongom-barotra* trano anankiray.

—,*vn.* 1° Mihalafo, mihasarotra, misondrobidy. La viande enchérit. *Mihalafo, mihasarotra* ny hena. 2° *fig.* Mihoatra. Il enchérit sur la cruauté de son prédécesseur. Ny hasiahany *mihoatra* ny an'ilay nodiasany.

ENCHÉRISSEMENT, *sm.* Halafosana, hasarotam-bidy, fisondrotam-bidy.

ENCHÉRISSEUR, *sm.* Mpanongombarotra.

ENCHEVÊTRÉ, ÉE, *p.* et *adj.* Misafotofoto, mifotofoto, misavorovoro, mivorovoro, misaritaka, mikorokoro, mifangaro, mifanjevo. Des choses enchevêtrées l'une dans l'autre. Zavatra *misafotofoto,* etc. Phrases enchevêtrées. Fehezan-teny *misafotofoto.*

ENCHEVÊTRER, *va.* Mampisafotofoto, manasafotofoto, mampifotofoto, manafotofoto, mampisavorovoro, mamorovoro, mampisaritaka, manasaritaka, mampikorokoro, manakorokoro, mampifangaro, mampifanjevo.

S'enchevêtrer, *vpr.* 1° Misingotra. Le cheval s'est enchevêtré. *Nisingotra* ny soavaly. 2° *fig.* Mihitsoka. S'—dans une affaire. *Mihitsoka* amy ny raharaha iray.

ENCHIFRENER, *va.* Mampiesinesina.

S' enchifrener, *vpr.* Miesinesina.

ENCHIFRÈNEMENT, *sm.* Fiesinesina.

ENCLAVER, *va.* Mampikambana, mampitambatra. Il veut — cette pièce de terre dans son parc. Ta-*hampikambana, hampitambatra* izany tany izany amy ny sahany izy.

ENCLIN, INE, *adj.* Mitongilana, mora manaraka, mora, malaky. Il est—au bien. *Mora manaraka* ny tsara izy.—à la colère. *Mora, malaky* tezitra, saro-po.

ENCLORE, *va.* 1° Mamefy, manisy tamboho, — rova, — vala. Voy. CLORE. 2°—, Mampikambana, mampitambatra. Comme ENCLAVER.

ENCLOS, OSE, *p.* et *adj.* 1° Voafefy, nofefena, mifefy, nasiana tamboho, — rova, — vala. 2°—, Nakambana, mikambana, natambatra, mitambatra.

—, *sm.* Tamboho, tokotany, fefy manodidina, vala —. La maison est au milieu de l'—. Ao ampovoan' ny *tamboho* ny trano. Son—est entouré de fossés. Hodidinin' ny hady ny *tokotaniny*. Faire un —. Manao *tamboho, fefy, vala manodidina.*

ENCLOUER, *va.* Manentsina fantsika ny tadinin-tafondro.

ENCLUME, *sf.* 1° Riandriana. 2° *fig.* Être entre le marteau et l'—. Teren-doza roa.

ENCOFFRER, *va.* Mametraka ao anaty lalomoara vy, mitahiry anaty vata.

ENCOIGNURE, *sf.* Zoro.

ENCOLURE, *sf.* 1° Vozon-tsoavaly. Ce cheval a une belle—. Tsara *vozona* io soavaly io. 2° *fig.* Bika. Il a une belle—. *Bikàna* izy.

ENCOMBRANT, ANTE, *adj.* Misakantsakana. Livres encombrants. Boky *misakantsakana.*

ENCOMBRE (SANS), *loc. adv.* Soa aman-tsara. Je suis arrivé sans—. Tonga *soa aman-tsara* aho.

ENCOMBREMENT, *sm.* Sakantsakana, fisakantsakanana.

ENCOMBRER, *va.* 1° Misakantsakana. Les voitures encombraient la rue. Ny kalesy *nisakantsakana* be hiany ao amy ny araben-dálana. 2° *fig.* Mameno, manototra. Des papiers encombraient la table. *Feno, tototra* taratasy ny latabatra.

ENCONTRE (À L'), *loc. prép.* Aller à l'—. Manohitra, mandá. Je ne vais point à l'—de ce que vous dites. Tsy *manohitra,* etc., izay lazainao aho.

ENCORE, *adv.* 1° Mbola, ambolana. Je le verrai —. *Mbola* ho hitako izy. Ma fureur croît—. *Mbola* mitombo hiany ny hatezerako. Il n'est pas — venu. *Mbola* tsy tonga izy. Pas—. Tsy *ambolana.* 2° —, Indray. Donnez-moi— à boire. Omeo *indray* aho hosotroiko. 3° —, Ahay. —s'il me payait, je lui pardonnerais tout le reste. Raha aloany *ahay* ny volako, dia havelako ny sisa. Mais—. Voy. NON-SEULEMENT.

Encore que, *loc. conj.* Na dia... aza. — qu'il soit jeune, il ne laisse pas d'être sage. Hendry hiany izy *na dia* tanora *aza.*

ENCORNÉ, ÉE, *adj.* Manan-tandroka.

ENCOURAGEANT, ANTE, *adj.* Mamporisika. Cette récompense est encourageante. *Mamporisika* izany valisoa izany.

ENCOURAGEMENT, *sm.* Famporisihana. Les louanges sont des encouragements à la vertu. Ny dera *mamporisika* amy ny hatsaram-panahy.

ENCOURAGER, *va.* 1° Mamporisika. Il sait — ses élèves. Mahay *mamporisika* ny mpianany izy. Le gouvernement doit — les arts. Ny fanjakana tsy maintsy *hamporisika* amy ny fahaizanjavatra. 2°—, Mamoky, manambosy, manome fo. Il encourage la révolte. *Mamoky,* etc., ny mpikomy izy.

ENCOURIR, *va.* Maha..., voa, no..., ho.., helohina. Vous encourrez l'indignation de votre famille. *Hahatezitra* ny fianakavianao hianao. Il a encouru une amende. *Voasazy, nosazina* izy. Si vous faites cela, vous encourrez la peine de mort. Raha manao izany hianao, dia *hohelohin-ko* faty. Il a encouru la peine de mort. *Nohelohin-ko* faty izy.

ENCRASSER, *va.* Mahabe tseroka, mahabe tsikoko.

S'encrasser, *vpr.* Be tseroka, be tsikoko. La peau s'encrasse, si on ne se lave. *Be tseroka,* etc., ny hoditra, raha tsy sasana. Voy. CRASSEUX.

ENCRE, *sf.* Ranomainty. Cette—est trop blanche. Matsatso loatra izany *ranomainty* izany. — bleue. *Ranomainty* manga. —rouge. *Ranomainty* mena.

ENCRIER, *sm.* Fitoeran-dranomainty.

ENCROÛTER (S'), *vpr.* Mihadonto.

ENCYCLIQUE, *adj.* et *sf.* Taratasy ampitondrain' ny papa amy ny eveka rehetra.

ENCYCLOPÉDIE, *sf.* Boky misy ny fahaizana rehetra.

ENCYCLOPÉDIQUE, *adj.* Momba ny fahaizana rehetra. Dictionnaire—. Diksionary *misy ny fahaizana rehetra.* Il a une érudition—. Mahalala *ny fahaizana rehetra* izy.

ENDÉMIQUE, *adj.* Misy mandrakariva amy ny tany anankiray. La lèpre était—en Judée. *Nisy* habokana *mandrakariva* tany Jodea.

ENDENTER, *va.* Manisy nify. —une roue. *Manisy nifinifiny* ny kodiarana.

S'endenter, *vpr.* Mitsotaka.

ENDETTÉ, ÉE, *p.* et *adj.* Be trosa, raiki-trosa. C'est un homme—. Lehilahy *be trosa* io, *raiki-trosa* io lehilahy io.

ENDETTER, *va.* Mahabe trosa, maharaiki-trosa. L'achat de cette maison l'a endetté. Ny nividianany io trano io no *nahabe trosa,* etc., azy.

S'endetter, *vpr.* Mitrosa, be trosa, raiki-trosa.

ENDIABLÉ, ÉE, *adj.* et *s.* Saro-po, foizina, romotra, misafoaka, mifoaka, mifoaba, mitroatra, misamontitra.

ENDIABLER, *vn.* Misafoaka, mifoaka, mifoaba, mitroatra, misamontitra.

ENDIGUEMENT, *sm.* Fanisiana fefiloha.

ENDIGUER, *va.* Manisy fefiloha.

ENDIMANCHER, *va.* Mampihaingo.

S'endimancher, *vpr.* Mihaingo.

ENDOCTRINER, *va.* 1° Mampianatra. 2° *fig.* Manoro hevitra.

ENDOLORI, IE, *adj.* Mitsakotsako, marary. J'ai le bras—. *Mitsakotsako,* etc., ny sandriko.

ENDOMMAGER, *va.* Manimba. La grêle a endommagé les fruits. *Nanimba* ny voankazo ny havandra.

S'endommager, *vpr.* Simbana, mihasimba.

ENDORMANT, ANTE, *adj.* Mampatoritory. Conte—.Angano *mampatoritory.*

ENDORMI, IE, *p.* et *adj.* 1° Nampatorina, matory. Profondément—. *Matory* maty. 2°—,Voly, ngoly. J'ai la main endormie. *Voly* ny tánako. 3° *fig.* Matoritory, toredretra, mivozavoza, mitsikamokamo, votsa, nitony, nionona. C'est un esclave—. Mpanompo *matoritory, toredretra, mivozavoza, mitsikamokamo* io. C'est un esprit—. *Votsa* saina izy. 4°—, Voasaroro.

ENDORMIR, *va.* 1° Mampatory. Endormez cet enfant. *Ampatorio* io zaza io. 2°—,Mahavoly, mahangoly. Cette position m'a endormi la jambe. Izao fipetraka izao *nahangoly* ny ranjoko. 3° *fig.* Mampatoritory, mampitony, mampionona. Ce livre endort. *Mampatoritory* izany boky izany. Vos paroles ont endormi sa douleur. Ny teninao *nampitony, nampionona* ny alahelony. 4°—, Manasaroro. Il l'a endormi pas ses promesses. *Nahavoasaroro* azy tamy ny teny napetrany izy.

S'endormir, *vpr.* 1° Rendremana, matory. 2° *fig.* Matoritory, mitoredretra, mivozavoza, mitsikamokamo. Il s'endort sur cette affaire. *Matoritory,* etc., amin' izany raharaha izany izy.

ENDOSSER, *va.* 1° Miakanjo. —la cuirasse. *Miakanjo* vy. 2° *fig.* Miantoka, miandraikitra, maka ho andraikitra. Il a endossé cette affaire. *Niantoka,* etc., izany raharaha izany izy.

ENDROIT, *sm.* 1° Tokotany, toerana, fitoerana, faritra, vaky. Voici l'—où je vais bâtir. Itý no *tokotany* hanorenako trano. Mettez ces fruits dans un—sec. Apetraho amy ny *toerana, fitoerana* maina ireo voankazo ireo. Voici l'—où on l'a placé. Io ny *fitoerana* nametrahana azy. En quel— du pays habite-t-il? *Fari*-tanin' aninona, *vakin'* aninona no onenany? || *loc.* Dans cet—. Atý, ao, erý, any. C'est dans cet—que vous trouverez ce que vous cherchez. *Atý, ao, erý, any* no hahitanao izay tadiavinao. En quel—? Aiza, aiza ho aiza, aninona, ho any aninona? En quel—reste-t-il? *Aiza, aiza ho aiza, aninona* no itoerany ? En quel—allez-vous? Ho *aiza, ho any aninona* hianao? En quelque—que.... Na aiza na aiza. En quelque—que vous alliez. *Na aiza na aiza* alehanao. Il y a dans ce dicours un—émouvant. Ao amin'izany lahateny izany misy zavatra anankiray mampientana ny fo. 2°—, Lafy tsara. Voilà l'—de cette étoffe. Io no *lafy tsaran'* io lamba io. 3° *fig.* C'est son—faible. Izany no tsininy, izany no tiany indrindra. C'est son— sensible. Izany no tiany indrindra. Il l'a pris par son—faible, par son—sensible. Izay *tiany indrindra* no nentiny nahazoana azy.

ENDUIRE, *va.* Manosotra, mandalotra. —une muraille de chaux. *Manosotra,* etc., sokay ny rindrina. —le corps d'huile. *Manoso*-tsolika ny vatana.

ENDUIT, *sm.* Zavatra ahosotra, zavatra alalotra, hosotra, lalotra.

ENDURANT, ANTE, *adj.* Miaritra, mandefitra, mahalefitra, mihafy. C'est un homme peu—. Olona tsy *miaritra,* etc., loatra izy.

ENDURCI, IE, *p.* et *adj.* 1° Nohamafisina. 2°—, Nohatanjahina, mihatanjaka. 3° *fig.* Zatra. Ce cheval est —aux coups. *Zatra* ny kapoka io soavaly io. Il est— au travail. *Zatra* miasa izy. 4°—, Mafy fo, mihirim-belona, mikiribiby, tsy mahare rohona.

ENDURCIR, *va.* 1° Manamafy, mahamafy. La trempe endurcit le fer. Ny ofana *manamafy,* etc., ny vy. 2°—, Manatanjaka, mahatanjaka. Le travail endurcit le corps. *Manatanjaka,* etc., ny vatana ny asa. 3° *fig.* Manazatra, mampahazatra. Il est bon d'— de bonne heure les jeunes gens au travail. Tsara ny *manazatra,* etc., raha teo ny tovolahy amy ny asa. 4°—, Manamafy fo, mampihirim-belona, mampikiribiby. L'avarice lui avait endurci le cœur. Ny fahidiana *nahamafy fo, nampihirim-belona* azy. Les mauvaises habitudes l'ont endurci dans le mal. Ny fahazarandratsy *nanamafy* ny *fony, nampikiribiby* azy tamy ny fitondran-tena ratsy.

S'endurcir, *vpr.* 1° Mihamafy. 2° *fig.* Mihazatra. S'— au froid. *Mihazatra* amy ny hatsiaka. 3°—, Mihamafy fo, mihirim-belona, mikiribiby, tsy mahare rohona. Son cœur s'est endurci. *Nihamafy, tsy mahare rohona* ny fony, *nikiribiby* izy.

ENDURCISSEMENT, *sm.* Hadi-pó, fikiribibiana.

ENDURER, *va.* Miaritra, mandefitra, mihafy. Il endurait la faim et la soif. *Niaritra,* etc., ny hanoanana sy ny hetaheta izy.

S'endurer, *vpr.* Iaretana, leferina, ihafiana. Les reproches s'endurent difficilement. Sarotra *iaretana, leferina* ny faniniana.

ÉNERGIE, *sf.* 1° Hery, hasina. J'ai constaté l'—de ce remède. Mieky ny *hery,* ny *hasin'* io fanafody io aho. 2°—, Herim-po, hamafy, hasahiana, fahefana. C'est un vieillard encore plein d'—. Lahiantitra mbola *mahery fo* izy. Les prophètes parlaient avec—. Ny mpaminany niteny *mafy,* tamin-*kasahiana.* Le ministre a déployé de l'—contre les conspirateurs. Ny ministra nampisého *hasahiana, fahefana* namely ny mpiray tetika.

ÉNERGIQUE, *adj.* 1° Mahery, masina. Remède—. Fanafody *mahery,* etc. 2°—, Mahery fo, mafy, sahy, mahafehy, mampiseho fahefana. Il a un caractère —. *Mahery fo* izy. Il a fait entendre des paroles énergiques. Namoaka teny *mafy, sahy* izy. C'est un père—. Ray *mahafehy* izy. Le général prit des mesures énergiques. *Nampiseho fahefana* ny jeneraly.

ÉNERGIQUEMENT, *adv.* Amin-kerim-po, mafy, amin-kasahiana, amimpahefana.

ÉNERGUMÈNE, *s.* 1° Izay azon' ny demony. 2° *fig.* Olona mihoalahoala, —misafoaka.

ÉNERVANT, ANTE, *adj.* Mahosa, mahavalaka, mahabako, mahaborera. Chaleur énervante. Hafanana *mahosa, mahavalaka, mahabako.*

ÉNERVÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Osa, valaka, bako, borera. 2°—, Matsatso.

ÉNERVER, *va.* 1° Mahosa, mahavalaka, mahabako, mahaborera. La boisson l'a énervé. Ny fisotro mahery no *nahosa* azy. Un long repos l'a énervé. Ny fialan-tsasatra ela *nahosa, nahaborera* azy. 2°—, Mahatsatso. Le trop d'ornement énerve le style. Ny renty be loatra *mahatsatso* ny laha-teny.

S'énerver, *vpr.* 1° Mihahosa, mihavalaka, mihabako, mihaborera. 2°—, Mihamatsatso.

ENFANCE, *sf.* 1° Fahazazana, hazazana, fahakelezana. Je le connais depuis mon—. Hatry ny fony *zaza,* fony *kely* aho no fantatro izy. 2°—, Zaza, zaza kely, ankizy, ankizy madinika, Les jeux de l'—. Ny tsilalaon-*jaza,* tsilalaon' *ankizy.* Les grâces de l'—. Ny hatinaritry ny *zaza kely, ankizy madinika.* 3° *fig.* Fiverenan-tsaina. 4°—, Fiandohana, fiantombohana. Dès l'— du monde. Hatramy ny *niandohana, niantombohan'* izao tontolo izao.

ENFANT, *s.* 1° Zaza, zaza kely, zazalahy, zazavavy, ankizilahy madinika, ankizivavy madinika. C'est un—encore à la mamelle. *Zaza* mbola minono, — mena vava izy. — qui n'a pas encore l'âge de raison. *Zaza* tsy mbola vory saina, *zaza* bodo, voatavo tsy mifaudraka. C'est un — opiniâtre. *Zazalahy, ankizilahy madinika* maditra izy. Voilà une belle—. Indro *zazavavy, ankizivavy ma-*

dinika tsara torehy. — moyen. Sakan-*jaza*: Ce sont des jouets d'—. Tsilalaon' *ankizy* izany. Faire l'—, se conduire comme un—. Manao fanahin-*jaza*. || *loc.* C'est un bon—. Malemy fanahy izy. Il est bon — de croire cela. Tsotra loatra izy raha mino izany. —de chœur. Mpiserivy lamesa, mpiakanjo. 2°—, Zanaka, anaka, menaky ny aina. —adoptif. *Zanaka* natsangana. Il a beaucoup d'enfants. Maro *anaka* izy. La parabole de l'— prodigue. Ny fanoharana amy ny *zanaka* mpandany. Mon—. Ry *zanako, anaka.* Mon cher —. Ry *zanako* malalako, ry sombin' ny aiko, ry *menaky ny aiko* (pour les parents seulement). 3°—, Teraka, zanaka, taranaka. C'est un—de Tananarive. *Teraka, zanak'* Antananarivo izy. Nous sommes tous enfants d'Adam. *Taranaky* Adama dabolo isika rehetra.

ENFANTEMENT, *sm.* 1° Fiterahana. Lorsqu'elle fut arrivée au moment de l'—... Nony mby tao am-*piterahana*, tamy ny andro *hiterahany* izy ... || *loc.* Elle est dans les douleurs de l'—. Mihetsi-jaza, mararirary izy. 2° *fig.* Famoronana.

ENFANTER, *va.* 1° Miteraka, teraka. Elle enfanta un garçon. *Niteraka* zazalahy, *tera*-dahy izy. Elle a enfanté une fille. *Niteraka* zazavavy, *tera*-bavy izy. Elle a nouvellement —. *Tera*-bao izy. Heureuse la mère qui l'a enfanté. Sambatra ny reny *niteraka* azy. 2° *fig.* Mamorona, miteraka. Tous les ans il enfante des volumes. Isan-taona *mamorona* boky maro izy. La guerre civile enfante mille maux. Ny ady an-trano *miteraka* loza tsy tambo isaina.

ENFANTILLAGE, *sm.* Fanahin-jaza. C'est un—. *Fanahin-jaza* izany.

ENFANTIN, INE, *adj.* Any ny ankizy, any ny zaza. Jeux enfantins. Tsilalaon' *ankizy*. Voix enfantine. Feon-*jaza*.

ENFARINER, *va.* Manototra lafarina.

S'enfariner, *vpr.* Mitototra lafarina.

ENFER, *sm.* 1° Afobe, helo. Les portes de l'— ne prévaudront point contre l'Église. Ny vavahadin' ny *afobe* tsy haharesy ny Eglizy. 2° *fig.* Fitoerana mahadikidiky. C'est un — pour moi que cette maison. *Mahadikidiky* ahy ity trano ity. 3°—, Demony. L'— se déchaîne contre lui. Misafoaka aminy ny *demony* rehetra.

D'enfer, *loc. adv.* Mafana izaitsizy, izaitsizy. Il y a toujours un feu d'— dans cette maison. Mandrakariva misy afo *mafana izaitsizy* amin' io trano io. Les ennemis faisaient un feu d'—. Nitifitra *izaitsizy* ny fahavalo.

ENFERMÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Voahidy, nohidiana, mihidy, nahiboka, mihiboka, nafahy, mifahy. Air —. Rivotra *mihiboka*. 2° —, Voafefy, nofefena, mifefy, nasiana manodidina, misy manodidina, voahodidina, nohodidinina.

—, *sm.* Sentir l'—. Maimbo lao.

ENFERMER, *va.* 1° Manidy, mampihiboka, mampifahy. On l'a enfermé chez lui. *Nohidiana* tao an-tranony izy. On l'a enfermé dans une prison. *Nahiboka, nafahy* tao an-tranomaizina izy. Enfermez les bœufs dans le parc. *Hidio* ao am-pahitra ny omby. Enfermez ces habits dans l'armoire. *Hidio* ao anaty lalomoara ireo akanjo ireo. 2°—, Mamefy, manisy manodidina, manodidina, manarona. Il a enfermé son champ de haies. *Nofefeny* ny tanimboliny. Il a enfermé son parc de murailles. *Nasiany* ampiantany *manodidina* ny sahany. Nous enfermâmes l'ennemi de tous cotés. *Nohodidininay, nosaronanay* hatraiza hatraiza ny fahavalo. 3°—, Misy. Ce chapitre enferme beaucoup de vérités. Amin' io toko io *misy* zavatra marina betsaka.

S'enfermer, *vpr.* Mihidy, mirindrin-trano, mihiboka, mifahy. Il s'est enfermé chez lui pour ne pas être saisi par son créancier. *Nihidy* trano izy mba tsy ho voasambotry ny tompon-trosa. Il s'enferme tous les matins pour écrire. *Mihidy* trano, *mirindrin-trano, mihiboka* isamaraina mba hanoratra izy.

ENFERRER, *va.* Managorobaka amy ny zava-maranitra.

S'enferrer, *vpr.* 1° Voan'ny zava-maranitra, milanagorobaka. 2° *fig.* Mamely tena, mihitsoka. Il s'est enferré en nous contant son affaire. *Namely tena, nihitsoka* izy tamy ny izy nitantara ny raharahany tuminay.

ENFILADE, *sf.* Zavatra mitohitohy. Il y a dans ce palais une longue—de chambres. Ao amin' izany lapa izany misy efi-trano betsaka *mitohitohy*.

ENFILER, *va.* 1° Mampiditra taretra, mitohy. Il ne sait pas — l'aiguille. Tsy mahay *mampiditra taretra* amy ny vody fanjaitra izy. —des perles. *Mitohy*

vakana. 2° *fig.* Manaraka. Il enfila un chemin détourné. *Nanaraka* ny lálana mihodivitra izy.

ENFIN, *adv.* Nony ela, farany, faran' izany, amy ny farany. —cette affaire est terminée. *Nony ela* tapitra hiany izany raharaha izany. —il m'a dit qu'il ne m'aiderait nullement. *Nony ela, farany, faran' izany* nilaza tamiko izy fa tsy hanampy ahy tsy akory. —, je vous trouve. *Amy ny farany* hitako hiany hianao.

ENFLAMMÉ, ÉE, *adj.* 1° May, mirehitra. Un tison—. Tapa-porohana *mirehitra.* 2° *fig.* May, mirehitra, mafana, mivandravandra, tera-mena. Son cœur est—d'amour. *May, mirehitry* ny fitiavana ny fony. Il est tout—d'ardeur. *Mafana* ny fony. Il a les yeux enflammés de colère. *Mivandravandran'* ny hatezerana ny masony. Il a le visage—de colère. *Tera-mena* izy azon' ny hatezerana.

ENFLAMMER, *va.* 1° Mampirehitra. Une étincelle enflamma la maison. Nisy kilalaon' afo *nampirehitra* ny trano. ‖ *loc.* —du bois par le frottement. Mandraingy, mamositra hazo. 2° *fig.* Mampirehitra, manafana, mampivandravandra, mampitera-mena. Cette prédication enflamma son cœur d'amour pour Dieu. Izany toriteny izany *nampirehitra* ny fitiavana an' Andriamanitra tao am-pony. Son discours enflamma le courage des soldats. Ny laha-teny nataony *nampirehitra, nanafana* ny fon' ny miaramila. La colère enflammait ses yeux. Ny hatezerana *nampivandravandra* azy. La colère enflammait son visage. Ny hatezerana *nampitera-mena* azy.

S'enflammer, *vpr.* 1° Mirehitra. Ce bois s'enflamme facilement. Mora *mirehitra* izany hazo izany. 2° *fig.* Mirehitra, mafana, mivandravandra, tera-mena. À ce mot il s'enflamma de colère. Tamin' izany teny izany *nirehitry* ny hatezerana izy.

ENFLÉ, ÉE, *adj.* 1° Mibontsina, mivonto, mibibaka, mibinabina, mibontana. Il a le corps—. *Mivonto, mibibaka, mibinabina* ny vatany. Il a le front—. *Mivonto, mibontana* ny handriny. 2°—, Nisondrotra, nampisondrotina. 3° *fig.* Mirehareha, mieboebo, mibohibohy, miavonavona. Il est—de ses succès. *Mirehareha,* etc., noho izy ambinina izy. 4°—, Be renty loatra, be haingo loatra, be sira loatra. Il a un style—. *Be renty loatra,* etc., ny laha-teniny.

ENFLER, *va.* 1° Manabontsina, mampibontsina, mampivonto, mampibibaka, mampibinabina, mampibontana. —un ballon. *Manabontsina, mampibontsina* balona. L'hydropisie enfle le corps. Ny manirano *mampivonto, mampibibaka, mampibinabina* ny vatana. Le vent enflait les voiles. Ny rivotra *nampibontsina* ny lain-tsambo. 2°—, Mampisondrotra. Les pluies ont enflé la rivière. Ny ranonorana *nampisondrotra* ny renirano. 3° *fig.* Mampirehareha, mampieboebo, mampibohibohy, mampiavonavona. Ce succès l'a extrêmement enflé. Izany fanambinana izany *nampirehareha,* etc., azy izaitsizy.

—, *vn.* 1° Mivonto, mibibaka, mibinabina, mibontana. Les jambes lui enflent. *Mivonto,* etc., ny ranjony. 2°—, Misondrotra. La rivière enfle. *Misondrotra* ny renirano.

S'enfler, *vpr.* 1° Mibontsina, mivonto, mibibaka, mibinabina, mibontana. 2°—, Misondrotra. 3° *fig.* Mirehareha, mieboebo, mibohibohy, miavonavona.

ENFLURE, *sf.* 1° Mivonto, mibibaka, mibontana. 2° *fig.* Fireharehana, eboebo, fibohibohy, fiavonavonana. 3°—, Renty be loatra.

ENFONCÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Voalentika, nalentika, tafalentika, milentika, voaorina, naorina, tafaorina, miorina, voatsatoka, natsatoka, tafatsatoka, mitsatoka, voaletra, naletra, tafaletra, miletra, natrobaka, mitrobaka, natsofoka, tafatsofoka, mitsofoka, mitsopaka, lalina, lempona. Il a les yeux enfoncés. *Lali*-maso izy. C'est un endroit—. Tany *lempona* izany. 2°—, Vaky, novakina, resy, noresena. 3° *fig.* Resy, noresena, nihoarana. 4° —, Revo. Il est—dans la méditation. *Revon'* ny fleritreretana izy.

ENFONCEMENT, *sm.* 1° Fandentehana, fanorenana, fanatsatohana, fanderana. 2°—, Famakiana. 3°—, Fitsopahana, halemponana, ny lempona.

ENFONCER, *va.* 1° Mandentika, manasitrika, mampandrevo, manorina, manatsatoka, mandetra, manatrobaka, manatsofoka, mampiditra, manatsapaka. —une perche dans l'eau. *Mandentika, manasitrika* hazo lava ao anaty rano.

—un pieu dans la terre. *Mandentika, manorina, manatsatoka, mandetra* tsato-kazo amy ny tany. Il enfonça la baïonnette dans le corps de l'ennemi. *Nanatrobaka* ny fahavalo tamy ny benitra izy. Enfoncez la main dans ce trou. *Atsofohy, ampidiro* ao anatin'io lavaka io ny tánanao. Enfoncez votre chapeau. *Atsapaho* ny satrokao. 2° —, Mamaky, mandresy. —une porte. *Mamaky* varavarana. Nous enfonçâmes l'ennemi au premier choc. Raha vao nasianay ny fahavalo dia *resy*. 3° *fig*. Mandresy, mihoatra. Cet élève enfonce ses condisciples. Io mpianatra io *mandresy*, etc., izay rehetra miaramianatra aminy.

—, *vn*. Milentika, misitrika, mandrevo. La chaloupe enfonce. *Milentika, misitrika* ny salopy.

S'enfoncer, *vpr*. 1° Milentika, misitrika, mandrevo, miorina, mitsatoka, miletra, mitrobaka, mitsofoka, miditra, mitsapaka, mitsopaka. Le navire s'enfonce. *Milentika, misitrika* ny sambo. Il s'enfonça dans la forêt. *Nisitrika* tao anaty ala izy. Le cheval s'enfonça dans la boue. *Nandrevo* tao anaty fotaka ny soavaly. En cet endroit la mer s'enfonce dans les terres. Ao ny ranomasina *mitsapaka, mitsopaka* anatin'ny tany. Terrain où l'on s'enfonce. Tany *mandrevo*. 2° *fig*. Miraikitra, milozoka, mifantsika, mimaso, mifositra, mifototra. Comme S'adonner.

ENFOUI, IE, *p*. et *adj*. 1° Voalevina, nalevina, milevina. 2° —, Voafina, nafenina, miafina.

ENFOUIR, *va*. 1° Mandevina. —de l'argent. *Mandevim*-bola. 2° —, Manafina. Il avait enfoui ce livre dans l'armoire. *Nanafina* io boky io tao anaty lalomoara izy. 3° *fig*. Manafina. N'enfouissez pas vos talents. Aza *manafina* ny fahaizanao.

S'enfouir, *vpr*. 1° Misitrika, miery. L'animal alla s'—dans son terrier. Lasa *nisitrika, niery* ao anatin'ny lavany ny biby. 2° —, Mihataka. Il est allé s'— dans une campagne. Lasa *nihataka* any an-tsaha izy.

ENFOUISSÉMENT, *sm*. 1° Fandevenana. 2° —, Fanafenana.

ENFOUISSEUR, *sm*. Mpandevina, mpanafina.

ENFOURCHER, *va*. Miantsampy amy ny soavaly, mitaingin-tsoavaly. Il enfourcha son cheval et partit. *Niantsampy* tamy ny soavaliny, *nitaingina* ny soavaliny izy dia lasa.

ENFOURNER, *va*. Manisy ao anaty lafaoro.

ENFREINDRE, *va*. Mandika. — un traité, une loi. *Mandika* fanekena, lalána. — les règles de la grammaire. *Mandika* ny lalán' ny gramara.

ENFUIR (S'), *vpr*. 1° Mandositra, milefa, miriatra, mirifatra, miridana. Il s'est enfui de la prison. *Nandositra, nilefa* avy any an-tranomaizina izy. Mon esclave s'est enfui. *Nilefa* ny andevoko. Les ennemis vaincus s'enfuirent de tous côtés. Ny fahavalo resy *nandositra, niriatra, nirifatra, niridana* be hiany. Les bœufs s'enfuient. *Mandositra, miriatra, mirifatra, miridana* ny omby. 2° *fig*. Mivoaka. Votre vin s'enfuit. *Mivoaka* ny divainao. 3° —, Mandalo, mihelina. Le temps s'enfuit. *Mandalo, mihelina* ny andro. Le bonheur s'enfuit. *Mandalo, mihelina* ny hasambarana.

ENFUMÉ, ÉE, *p*. et *adj*. 1° Nohamaintisina amy ny setroka, maintin'ny setroka. Meuble —. Fanaka *maintin' ny setroka*. 2° —, Nosetrohana, nodonafana.

ENFUMER, *va*. 1° Manamainty amy ny setroka, mahamaintin'ny setroka. — des verres. *Manamainty* fitaratra *amy ny setroka*. Le feu a enfumé cette armoire. Ny afo no *nahamaintin' ny setroka* io lalomoara io. 2° —, Manetroka, mandonaka. Vous allez m'—, si vous mettez du bois vert au feu. *Hanetroka* ahy hianao, raha mitaina kitay hazo lena. — des mouches à miel. *Mandonaka* renitantely.

ENGAGÉ, ÉE, *p*. et *adj*. 1° Napetraka ho antoka. 2° —, Namporisihina, voataona, notaomina, voatarika, notaritina. 3° —, Voatana, notánana, voahazona, nohazonina. 4° —, Nalaina ho miaramila, nalaina ho matiló, etc., nilatsa-tenany ho miaramila. 5° —, Voasingotra. misingotra, nahizina, mihizina, nahitsoka, mihitsoka. 6° —, Natomboka, manomboka.

—, *sm*. Nilatsa-tena ho miaramila, volontera.

ENGAGEANT, EANTE, *adj*. Mahataona, mahatarika. C'est une personne fort engageante. Olona *mahataona, mahatarika* tokoa izy.

ENGAGEMENT, *sm*. 1° Fametrahana ho antoka. 2° —, Fametrahan-teny, fane-

kena, famehezan-tena. Il a manqué à ses engagements envers moi. Tsy nanaraka ny *teny napetrany*, ny *fanekena* nataony tamiko izy. Soyez fidèle à vos engagements envers Dieu. Tanteraho ny *teny napetrakao*, ny *famehezan-tena* nataonao tamin'Andriamanitra. 3°—, Filatsahan-tenany ho miaramila, —ho matiló, etc. L'— de ce soldat est pour cinq ans. *Nilatsa-tenany* ho miaramila dimy taona io miaramila io. 4°—, Ady.

ENGAGER, *va.* 1° Mametraka ho antoka. Il a engagé sa montre, sa maison. *Nametraka* ny famantaranandrony, ny tranony *ho antoka* izy. ‖ *loc.* —sa parole. Mametra-teny. 2°—, Mamporisika, mitaona, mitarika, mahate... Il m'a engagé à partir. *Namporisika, nitaona, nitarika* ahy hiala izy. Le beau temps engage à la promenade. *Mahate*-hitsangantsangana ny hatsaran' ny andro. 3° —, Mitana, mihazona. Ce traité engage les deux partis. *Mitana, mihazona* azy roa tonta izany fanekena izany. 4° —, Maka ho miaramila, maka ho matiló, manao fanekena. J'ai engagé vingt matelots pour cinq ans. *Naka* roapolo lahy, *nanao fanekena* tamy ny olona roapolo lahy ho matiló dimy taona aho. 5° —, Mampihizina, manizina, mampihitsoka. Il engagea son bateau dans le sable. *Nahiziny, nahitsony* tao anaty fasika ny sambony. Il engagea ses soldats dans un défilé. *Nahitsony* tao amy ny hadilanana anankiray ny miaramilany. 6° —, Manomboka. —le combat. *Manomboka* ny ady.

S'engager, *vpr.* 1° Mametra-teny, mamehy tena. Il s'est engagé devant Dieu. *Nametra-teny, namehy tena* tamin'Andriamanitra izy. 2°—, Milatsa-tenany, manao fanekena ho miaramila, — ho matiló, etc. Il s'est engagé comme soldat pour cinq ans. *Nilatsa-tenany, nanao fanekena* ho miaramila dimy taona izy. 3°—, Misingotra, mihizina, mihitsoka. La perdrix s'engagea dans les filets. *Nisingotra* tamy ny harato ny papelika. Il s'engagea dans le bois. *Nihizina, nihitsoka* tany anaty ala izy. 4° —, Atomboka, manomboka.

ENGEANCE, *sf.* Olon-tsy vanona. Quelle maudite—! *Olon-tsy vanona* manao ahoana iny!

ENGELURE, *sf.* Fivontosana madinika avy amy ny hatsiaka.

ENGENDRER, *va.* 1° Miteraka. 2° *fig.* Miteraka, mahatonga, mitarika, mampiditra L'oisiveté engendre le vice. Ny fidonanaham-poana *miteraka*, etc., ny haratsiam-panahy. Voy. CAUSER.

ENGERBER, *va.* Manao amboara. Engerbez ce riz. *Ataovy amboara* io vary io.

ENGIN, *sm.* 1° Milina fitondra tamy ny ady teo aloha. 2°—, Milina fanaingan-javatra, milina fitondran-javatra, etc. 3°—, *pl.* Zavatra entina mihaza.

ENGLOBER, *va.* Mampikambana, mampitambatra. Comme ENCLAVER.

ENGLOUTIR, *va,* 1° Mandrapadrapaka, mambosibosika, mandrebodreboka. Le caïman engloutit un agneau tout entier. *Narapadrapaka, nabosibosika, narebodreboky* ny mamba ny zanak' ondry iray manontolo. 2° *fig.* Mitelina, mandentika. La terre engloutit Dathan, Coré et Abiron. Ny tany *nitelina* any Datana sy Kore ary Abirona. La mer a englouti beaucoup de vaisseaux. Ny ranomasina *nandentika* sambo betsaka. 3° — Mangorona, mandevona. Rome a englouti tous les empires. *Nahoron'* ny Romana ny fanjakana rehetra. Il a englouti en peu de temps toute sa fortune. *Nolevoniny* vetivety foana ny hareny rehetra.

S'engloutir, *vpr.* Alentika, milentika. La ville s'est engloutie. *Nilentika* ny tanána.

ENGLUER, *va.* 1° Manosotra dity. 2°—, Mamandrika amy ny dity.

S'engluer, *vpr.* Voafandrika amy ny dity.

ENGORGÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Voatampina, notampenana, mitampina. 2° —, Mihandron-dra.

ENGORGEMENT, *sm.* 1° Fitampenana. 2° —, Fihandronan-dra.

ENGORGER, *va.* 1° Manampina. 2° —, Mampihandron-dra. Le sang engorgeait les veines. *Nihandrona* tao amy ny hoza-dra ny ra.

S'engorger, *vpr.* 1° Mihatampina. Ce tuyau s'engorge. *Mihatampina* io fantsona io. 2° —, Mihandron-dra.

ENGOUÉ, ÉE, *p.* et *adj.* Tia loatra, raiki-pitia. Il est fort — de cet ouvrage. *Tia loatra* izany boky izany izy,

ENGOUEMENT, *sm.* Fitiavana be loatra.

ENGOUER (S'), *vpr.* Tia loatra, raikipitia. Elle s'est engouée de ce fanfaron. *Tia loatra* izany kevo-dahy iza-

ny, *raiki-pilia* an' izany kevo-dahy izany izy.

ENGOUFFRER (S'), *vpr.* 1° Milentika anatin' ny tany. Plus loin la rivière s'engouffre. Rahefa lasa lavidavitra kokoa ny renirano, dia *milentika anatin' ny tany.* 2° —, Mibosesika. Le vent s'est engouffré dans la cheminée. Ny rivotra *nibosesika* tao anatin'ny lafaoro.

ENGOULEVENT, *sm.* Matoriandro.

ENGOURDI, IE, *p.* et *adj.* 1° Voly, ngoly, vahotra. J'ai le pied engourdi. *Voly* ny tongotro. 2° *fig.* Votsa, osa.

ENGOURDIR, *va.* 1° Mahavoly, mahangoly, mahavahotra. Le froid engourdit les mains. Ny hatsiaka *mahangoly, mahavahotra* ny tánana. 2° *fig.* Mahavotsa, mahosa. L'oisiveté engourdit l'esprit. Ny fidonanaham-poana *mahavotsa* ny saina. Un long repos avait engourdi le courage des soldats. Ny fijanonana ela *nahosa* ny miaramila.

S'engourdir, *vpr.* 1° Mihavoly, mihangoly, mihavahotra. 2° *fig.* Mihavotsa, mihahosa.

ENGOURDISSEMENT, *sm.* 1° Havoly, fahavoly, hangoly, fahangoly. 2° *fig.* Havotsa, havotsana, hahosa, hahosana, fahosana.

ENGRAIS, *sm.* 1° Famahazana. Mettre des bœufs,des oies à l'—. *Mamahy* omby, vorombe. 2°—, Zezika.

ENGRAISSEMENT, *sm.* 1° Famahazana. 2°—, Hatavy.

ENGRAISSER, *va.* 1° Mamahy, mahavondraka, mahatavy.—de la volaille. *Mamahy* akoho. Le riz engraisse les dindons. Ny vary *mahavondraka, mahatavy* ny vorontsiloza. 2°—, Mandonaka, mahalonaka. Il engraisse bien ses terres. *Mandonaka* tsara ny taniny izy. Ce fumier engraisse la terre. Itony zezika itony *mahalonaka* ny tany.

—, *vn.* Mihavondraka, mihamatavy. Mon cheval engraisse. *Mihavondraka*, etc., ny soavaliko. Cette personne engraisse. *Mihamatavy* io olona io.

S'engraisser, *vpr.* 1° Mihavondraka, mihamatavy. 2° *fig.* S'—du travail des autres. Homam-bahoaka.

ENGRAVER, *va.* Mampihitsoka anatin' ny fasika.

S'engraver, *vpr.* Mihitsoka anatin' ny fasika. Comme S'ENSABLER.

ENGRENAGE, *sm.* Fifampidiran' ny nifin-kodiarana.

ENGRENER, *vn.* Mifampiditra, mifanaikitra.

S'engrener, *vpr.* Mifampiditra, mifanaikitra.

ENGRENURE, *sf.* Fifampidiran' ny nifin-kodiarana.

ENHARDIR, *va.* Mahasahy, mampatoky. Ce succès l'a enhardi. *Nahasahy, nampatoky* azy izany fandresena izany.

S'enhardir, *vpr.* Mihasahy, matoky.

ENHARNACHER, *va.* 1° Manisy fomban-tsoavaly amy ny soavaly mpitarika kalesy. 2° *fig.* Mampanao haingon' adala.

ÉNIGMATIQUE, *adj.* 1° Misy ankamantatra. Cette peinture est—. *Misy ankamantatra* io sary io. 2° *fig.* Tsy hita hevitra, saro-pantarina, tsy loa-body. C'est un discours—. *Tsy hita* ny *hevitr'* izany laha-teny izany, *saro-pantarina*, misy teny *tsy loa-body* izany laha-teny izany.

ÉNIGMATIQUEMENT, *adv.* Tsy hita hevitra, saro-pantarina, tsy loa-body.

ÉNIGME, *sf.* 1° Ankamantatra. 2° *fig.* Zavatra tsy hita hevitra, zavatra saropantarina, teny tsy loa-body.

ENIVRANT, ANTE, *adj.* 1° Mahamamo, mankaleo, mahadoroka. 2° *fig.* Mahajamba. maharavoravo.

ENIVRÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Mamo, nomamoina, leony, doroka. 2° *fig.* Jamba, nohajambaina, ravo.

ENIVREMENT, *sm.* Fahajambana, faharavoravoana.

ENIVRER, *va.* 1° Mahamamo, mampimamo, mankaleo, mahadoroka, mampidoroka. Le vin enivre. *Mahamamo, mahadoroka* ny divay. Le tabac enivre. *Mankaleo* ny paraky. Le chanvre enivre. *Mankaleo, mahadoroka* ny rongony. 2° *fig.* Mahajamba, maharavoravo. Les louanges l'ont enivré. Ny dera *nahajamba*, etc., azy.

S'enivrer, *vpr.* 1° Mimamo, mamo, leony, midoroka, doroka. 2° *fig.* Jamba, hajambaina, feno haravoana.

ENJAMBÉE, *sf.* Dingana, indray mandingana. Il fait de longues enjambées. Lava *dingana*, manao *dingan*-dava izy. Il y a d'ici là trois enjambées. Misy intelo *mandingana* hatreto sy hatrany.

ENJAMBER, *va.* Mandingana, mandika. Il a enjambé le fossé. *Nandingana*, etc , ny hady izy.

—, *vn.* 1° Manao dingan-dava. Voyez comme il enjambe! Jereo itý *fanaony dingan-dava !* 2° *fig.* Manitatra, manao an-

gady be lela. Il a enjambé sur ma propriété. *Nanitatra*, etc., tamy ny taniko izy.

ENJEU, *sm*. Loka. Voilà mon—. Indro ny *lokaho*.

ENJOINDRE, *va*. Mandidy. On lui enjoignit de sortir. *Nodidiana* hivoaka izy.

ENJÔLER, *va*. Manangoly, manoloky. Il a enjôlé cette femme. *Nanangoly*, etc., izany vehivavy izany izy.

ENJÔLEUR, EUSE, *s*. Mpanangoly, mpanoloky.

ENJOLIVEMENT, *sm*. Ravaka, haingo, renty.

ENJOLIVER, *va*. Mandravaka, mampihaingo, mandrenty, manendrika. Il a bien enjolivé sa maison. *Nandravaka, nampihaingo, nandrenty* tsara ny tranony izy. Cette broderie enjolive votre robe. *Manendrika* ny robonao izany amboradara izany. Voy. EMBELLIR.

S'enjoliver, *vpr*. Miravaka, mihaingo, mirenty, mihatsara.

ENJOLIVEUR, *sm*. Mpandravaka, mpampihaingo, mpandrenty.

ENJOLIVURE, *sf*. Ravaka, haingo, renty.

ENJOUÉ, ÉE, *adj*. Mariadriaka, sariadriaka, miramirana. Il a l'humeur enjouée. *Mariadriaka*, etc., izy. Sa conversation est toujours enjouée. *Mariadriaka, sariadriaka* mandrakariva izy raha miresaka.

ENJOUEMENT, *sm*. Firiadriaka, fisariadriaka, hamiranana.

ENLACEMENT, *sm*. 1° Fifanolana, fifamadiditra. 2° *fig*. Famihinana, fifamihinana, fandadinana, fifadidirana.

ENLACER, *va*. 1° Mampifanolana, mampifamadiditra. —des rubans l'un dans l'autre. *Mampifanolana* robá. —des branches les unes dans les autres. *Mampifamadiditra* rantsan-kazo. 2° *fig*. Mamihina, mandadina, mamadiditra, mifadiditra. —quelqu' un dans ses bras. *Mamihina* olona. Les lianes enlacent les arbres. *Mandadina, mamadiditra* ny hazo, *mifadiditra* amy ny hazo ny vahy. Le serpent enlaça sa jambe. *Namadiditra* ny ranjony, *nifadiditra* tamy ny ranjony ny bibilava.

S'enlacer, *vpr*. 1° Mifanolana, mifamadiditra, mifampifadiditra. Les lianes s'enlaçaient les unes dans les autres. *Nifanolana*, etc., ny vahy. 2° *fig*. Mifamihina, mifampifadiditra. Les deux serpents s'enlacèrent. *Nifampifadiditra* ny bibilava roa.

ENLAIDIR, *va*. Maharatsy tarehy. La petite-vérole l'a enlaidi. *Naharatsy tarehy* azy ny nendra.

—, *vn*. Miharatsy tarehy.

ENLAIDISSEMENT, *sm*. Haratsiantarehy.

ENLÈVEMENT, *sm*. 1° Fanesorana, fifaohana, fipaohana, fanendahana. 2°—, Fakana an-kery, fakana, fanatsoahana.

ENLEVER, *va*. 1° Mambata, mibata, manainga, manentana. Il ne peut—ce fardeau. Tsy *mahabata, mahainga, mahentana* io entana io izy. 2°—, Manesotra, mifaoka, mipaoka, manongaka, manendaka. Enlevez le couvercle de la marmite. *Esory* ny takotry ny vilany. Le vent a enlevé le toit de la maison. *Nofaohina, nopaohina, nongoahan'* ny rivotra ny tafon-trano. Enlevez l'écorce de cet arbre. *Esory, endaho* ny hoditr' io hazo io. 3°—, Maka an-kery, maka, manatsoaka. On lui a enlevé sa femme. *Nalain'* olona *an-kery* ny vadiny. La justice enleva le corps. *Nalain'* ny mpitsara ny faty. On a enlevé le prisonnier pendant la nuit. *Notsoahana* tao an-tranomaizina halina izy. Nous avons enlevé les drapeaux à l'ennemi. Efa *notsoahanay* ny saina teny amy ny fahavalo. 4° *fig*. Mahafaty. La maladie l'enleva en deux jours. Indroa andro monja ny aretina dia *nahafaty* azy. 5°—, Mangalatra, maka, mahafaka. On a enlevé la caisse. *Nangalarina* ny tao anaty lalomoara vy. L'ennemi enleva la place en quelques jours. Ny fahavalo *naka* ny tanána tamy ny andro vitsivitsy. Ce savon enlève les taches. *Mahafaka* ny pentina io savony io. 6°—, Manao haingana, mividy haingana. Il a enlevé cette affaire. *Nanao haingana* izany raharaha izany izy. Il a enlevé tout le poisson du marché. *Nividy haingana* ny hazandrano rehetra tany an-tsena izy. 7°—, Mahatalanjona, mampitampim-bava, ihorehana. Cet orateur enlève son auditoire. *Mahatalanjona, mampitampim-bava* ny mpihaino, *ihorehan'* ny mpihaino io mpandaha-teny io.

S'enlever, *vpr*. 1° Misondrotra, misavoana. Le ballon s'enleva dans les airs. *Nisondrotra*, etc., tany amy ny habakabaka ny balóna. 2°—, Miendaka. L'écorce s'enlève. *Miendaka* ny hodi-kazo.

ENLUMINER, *va.* 1° Manoso-doko. — des cartes. *Manoso-doko* karatra. 2°—, Mampivoaramena. La fièvre enlumine son visage. Ny tazo no *mampivoaramena* ny tarehiny.

S'enluminer, *vpr.* 1° Mitentina loko mena. 2°—. Mivoaramena, tera-mena. Son nez s'enlumine. *Tera-mena* ny orony.

ENLUMINEUR, EUSE, *s.* Mpanoso-doko sary, —sarin-tany, etc.

ENNEMI, IE, *s.* 1° Fahavalo, rafy. C'est mon — déclaré. Tena *fahavaloko* miharihary izy. Ces deux hommes sont ennemis l'un de l'autre. *Mifandrafy* izy roa lahy. Nous avons vaincu l'—. Efa resintsika ny *fahavalo.* Le chien est l'— du chat. *Fahavalon'* ny saka ny alika. 2° —, Tsy tia. Il est — des querelles. *Tsy tia* fanditra izy. 3° —, Mifanohitra. L'eau et le feu sont ennemis. *Mifanohitra* ny rano sy ny afo.

—, *adj.* 1° Fahavalo, rafy, mifandrafy. Armée ennemie. Tafiky ny *fahavalo.* 2° —, Mifanohitra, mifandratra, mifaniho. Ils ont des destins ennemis. *Mifanohitra, mifandratra* ny vintan' izy ireo, *mifaniho* vintana izy ireo.

ENNOBLIR, *va.* Mahamendrika, mampisondrotra.

S'ennoblir, *vpr.* Mihamendrika, misondrotra.

ENNUI, *sm.* Fahasosorana, fahadisadisana, fahadikidikiana, fahasorisorena, fahasahiranana. L'oisiveté engendre l'—. Ny fidonanaham-poana miteraka *fahasosorana, fahasorisorena, mampahadisadisa.* Cette lecture cause de l'—. *Mahadikidiky* ny mamaky izany. Cette affaire lui a donné beaucoup d'—. *Nanahirana* azy loatra izany raharaha izany.

ENNUYANT, ANTE, *adj.* Mahasosotra, mahadisadisa, mahadikidiky, mahasorisorena, manahirana.

ENNUYÉ, ÉE, *p.* et *adj.* Nososorina, sosotra, madisadisa, madikidiky, nosorisorena, sorisorena, nosahiranina, sahirana.

ENNUYER, *va.* Mahasosotra, manasosotra, mampahadisadisa, mahadikidiky, mahasorisorena, manorisory, manahirana.

S'ennuyer, *vpr.* Sosotra, madisadisa, madikidiky, sorisorena.

ENNUYEUSEMENT, *adv.* Amim-pahasosorana, amim-pahadikidikiana.

ENNUYEUX, EUSE, *adj.* et *s.* Mahasosotra, mahadisadisa, mahadikidiky, mahasorisorena, manahirana. Temps—. Andro *mahasosotra, mahadisadisa, mahadikidiky, mahasorisorena.* Cet homme est—. *Manahirana* ity lehilahy ity.

ÉNONCÉ, ÉE, *p.* Voalaza, nolazaina. —, *sm.* Ny voalaza, ny nolazaina.

ÉNONCER, *va.* Milaza. —clairement sa pensée. *Milaza* mazava ny heviny.

S'énoncer, *vpr.* Miteny, milaza ny heviny.

ÉNONCIATION, *sf.* Filazana, fitenenana, filazana ny heviny.

ENORGUEILLIR, *va.* Mampiavonavona. La fortune l'a enorgueilli. *Nampiavonavona* azy ny harena.

S'enorgueillir, *vpr.* Miavonavona. Il s'enorgueillit de son savoir. *Miavonavona* noho ny fahaizany izy.

ÉNORME, *adj.* 1° Makadiribe, adalalahy, ngezabe, goaibe, botrefom-be. Un serpent—. Bibilava *makadiribe, ngezabe, goaibe.* C'est un jeune homme—. Tovolahy *makadiribe,* etc., izy. 2° *fig.* Mihoa-pampana, izaitsizy, be vava. Il fait des gains énormes. Mahazo tombony *mihoa-pampana, izaitsizy* izy. Crime—. Heloka *mihoa-pampana, be vava.*

ÉNORMÉMENT, *adv.* Izaitsizy.

ÉNORMITÉ, *sf.* 1° Hakadiry. 2° *fig.* Halehibiazana. Il reconnut l'— de sa faute. Niaiky ny *halehibiazan'* ny otany izy.

ENQUÉRIR (S'), *vpr.* Manadina, manadihady, mamotopototra, mamakafáka.

ENQUÊTE, *sf.* Fanadinana, fanadihadiana, famotopotorana. famakafakana. Le gouvernement fait faire une — sur le vol commis à la douane. Ny fanjakana *mampanadina, mampanadihady, mampamotopototra, mampamakafáka* ny halatra natao tao amy ny ladoany.

ENRACINÉ, ÉE, *p.* et *adj.* Mamaka, latsa-paka, miorim-paka.

ENRACINER, *vn.* 1° Mamaka, latsa-paka, miorim-paka. 2° *fig.* Ne laissez pas — les mauvaises habitudes. Aza avelanareo *hamaka,* ho *latsa-paka, hiorim-paka* ny fahazaran-dratsy.

S'enraciner, *vpr.* Mamaka, latsa-paka, miorim-paka. Les arbres ne peuvent s'—dans ce mauvais terrain. Tsy mety *mamaka,* etc., amin' io tany ratsy io ny hazo.

ENRAGÉ, ÉE, *adj.* 1° Romotra, gaigy. Chien—. Alika *romotra*, etc. 2° *fig.* Misamontitra, misafoaka, mifoaka, mitroatra, mifoaba, romotra. Il est — contre moi. *Misamontitra*, etc., amiko izy. 3°—, Mafy dia mafy, izaitsizy. Une faim enragée. Hanoanana *mafy dia mafy*, etc.

—, *s.* 1° Olona romotra, —gaigy. 2° *fig.* Mpisamontitra, mpisafoaka, mpifoaka, mpitroatra, mpifoaba.

ENRAGEANT, ANTE, *adj.* Mampisamontitra, mampisafoaka, mampifoaka, mampitroatra, mampifoaba, maharomotra.

ENRAGER, *vn.* 1° Misamontitra, misafoaka, mifoaka, mitroatra, mifoaba, romotra. Sa femme le fait—. *Mampisamontitra*, etc., azy ny vadiny. 2°—, Mijaly izaitsizy. Il enrage des dents. *Mijaly izaitsizy* amy ny nifiny izy. 3°—, May. Il enrage de soif. *Main'* ny hetaheta izy.

ENRAYER, *va.* 1° Misakana ny kodiaran-kalesy mba tsy hihodinkodina. 2° *fig.* Mijanona, mitsahatra. Vous faites trop de dépenses, il est temps d'—. Mandany be loatra hianao, ka tokony *hijanona*, *hitsahatra* amin' izao.

ENRÉGIMENTER, *va.* Manao *régiment*, mampiditra amy ny *régiment*.

S'enrégimenter, *vpr.* Milatsaka amy ny *régiment*.

ENREGISTREMENT, *sm.* Fanoratana amy ny rejistra, fanoratana amy ny bokim-panjakana.

ENREGISTRER, *va.* 1° Manoratra amy ny rejistra, manoratra amy ny bokim-panjakana. 2° *fig.* Mandatsaka antsoratra.

ENRHUMÉ, ÉE, *adj.* et *s.* Mikohaka.

ENRHUMER, *va.* Mampikohaka. Le froid l'a enrhumé. Ny hatsiaka *nampikohaka* azy.

S'enrhumer, *vpr.* Azon' ny kohaka.

ENRICHI, IE, *p.* et *adj.* 1° Nahazo harena, tonga mpanan-karena. 2° *fig.* Voaravaka, noravahana, miravaka, voahaingo, nampihaingoina, mihaingo, voarenty, norentena, mirenty, nampitomboina. Bague enrichie de diamants. Peratra *miravaka* diamondra.

—, *sm.* Olona tonga mpanan-karena.

ENRICHIR, *va.* 1° Mampanan-karena. Le commerce l'a enrichi. *Nampanan-karena* azy ny varotra. 2° *fig.* Mandravaka, mampihaingo, mandrenty, mampitombo. Il a enrichi sa montre de pierreries. *Noravahany*, *nampihaingoiny* vatosoa ny famantaranandrony. Il enrichit ses discours de belles comparaisons. *Mandrenty* ny laha-teniny amy ny ohatra mahafinaritra izy. Il a enrichi la science de nouvelles découvertes. *Nampitombo* ny fahaizana amy ny zavatra vao hitany izy. —une langue. *Mampitombo* teny na fombam-pitenenana amy ny fitony anankiray.

S'enrichir, *vpr.* 1° Mihamanan-karena. 2° *fig.* Miravaka, mihaingo, mirenty, mitombo. Son esprit s'enrichit tous les jours. *Mitombo* fahaizana isan' andro ny sainy.

ENRÔLEMENT, *sm.* Fakana ho miaramila,—ho matiló, etc., filatsahan-tenany ho miaramila,— ho matiló, etc.

ENRÔLER, *va.* Maka ho miaramila,—ho matiló, etc.

S'enrôler, *vpr.* Milatsa-tenany ho miaramila,—ho matiló, etc. Voy. S'ENGAGER.

ENROUÉ, ÉE, *adj.* Farim-peo, maty feo.

ENROUEMENT, *sm.* Hafarinam-peo.

ENROUER, *va.* Mahafarim-peo.

S'enrouer, *vpr.* Mihafarim-peo.

ENROUILLER, *va.* Maharafesina.

S'enrouiller, *vpr.* Miharafesina.

ENROULÉ, ÉE, *p.* Voahorona, nahorona, mihorona. Serpent — sur lui-même. Bibilava *mihorona*, manao halana.

ENROULEMENT, *sm.* Fangoronana, fihoronana, fihorona. L'—des feuilles dans un bourgeon. Ny *fihoron'* ny laingonjava-maniry.

ENROULER, *va.* Mangorona, mamadiditra.—du fil, des nattes. *Mangorona* kofehy, tsihy. Le caméléon enroulait sa queue autour d'une branche. Ny tanalahy *namadiditra* ny rambony tamy ny rantsan-kazo.

S'enrouler, *vpr.* Mihorona, mifadiditra. Les vrilles de la vigne s'enroulent autour des branches. Ny tangoli-boaloboka *mifadiditra* amy ny rantsan-kazo.

ENRUBANNER, *va.* Manisy robà.

ENSABLEMENT, *sm.* Antsangam-pasika misakana ny sambo.

ENSABLER, *va.* Mampihitsoka anatin' ny fasika.

S'ensabler, *vpr.* Mihitsoka anatin' ny fasika. Le bateau s'est ensablé. *Nihitsoka tao anatin' ny fasika* ny sambo.

ENSACHER, *va.* Manao anaty lasaka.

ENSANGLANTÉ, ÉE, *p.* et *adj.* Misy ra, feno ra. Ils portèrent à Jacob la robe ensanglantée de Joseph. Nentin' izy ireo tany aminy Jakoba ny akanjony Josefa *nisy ra.*

ENSANGLANTER, *va.* 1° Manisy ra, mameno ra. La blessure qu'il reçut ensanglanta ses habits. Ny ratrany *nameno ra* ny akanjony. 2° *fig.* Mandatsaka ra mandriaka Ce roi a ensanglanté son règne. *Nandatsaka ra mandriaka* izany mpanjaka izany.

ENSEIGNE, *sf.* 1° Famantaran-trano, marika ahafantarana trano. Ce marchand a pris un coq pour—. Sarin'akoholahy no nalain' io mpivarotra io ho *famantaran' ny tranony,* ho *marika ahafantarana ny tranony.* Le nom de ce boulanger est inscrit sur son—. Ny anaran' io mpanao mofo io voasoratra ao amy ny *marika ahafantarana ny tranony.* 2°—, Saina. Il entra dans la capitale les enseignes déployées. Nitondra *saina* izy no niditra tao amy ny renivohitra. 3° *fig.* Nous sommes tous les deux logés à la même —. Samy zoiny isika roa lahy.

—, *sm.* —de vaisseau. Manamboninahitra an-tsambo manarakaraka ny *sous-lieutenant.* [na.

ENSEIGNEMENT, *sm.* Fampianara-

ENSEIGNER, *va.* Mampianatra, manoro. — les enfants. *Mampianatra* ny ankizy madinika.—l'arithmétique. *Mampianatra,* etc., marika. Enseignez-moi le chemin. *Aloroy* lálana aho.

ENSEMBLE, *adv.* Miaraka, indray manao, miray, mikambana, mifanaraka. Manger —. *Miara*-komana. Chantons—. *Miaraha* mihira isika. Ils tirèrent tous —. *Niara*-nanipoaka, *nanao indray* nitifitra izy rehetra. Il acheta tout cela—. *Nataony indray* nividy izany. Rester —. *Miray* trano. Mettre plusieurs objets —. *Manakambana* zavatra maro. Ils sont bien —. *Mifanaraka* tsara izy ireo. Ces choses vont bien —. *Mifanaraka* tsara ireo zavatra ireo.

—, *sm.* 1° Ny ankapobeny. Ce discours est bien dans son —. Tsara io laha-teny io, raha ny *ankapobeny* no heverina. 2°—, Fifanarahana. Ils chantent avec —. *Mifanaraka* ny hiran' izy ireo.

ENSEMENCÉ, ÉE, *p.* Voafafy, nofafazana. Terre ensemencée de blé. Tany *voafafy,* etc., varim-bazaha.

ENSEMENCEMENT, *sm.* Famafazana.

ENSEMENCER, *va.* Mamafy. J'ai ensemencé mes rizières. *Nofafazako* vary ny tanin-ketsako.

ENSEVELI, IE, *p.* et *adj.* 1° Voalevina, nalevina, voasitrika, nasitrika, voafina, nafenina. 2° *fig.* Natelina, nafenina, miery, miafina. ‖ *loc.* Être — dans l'oubli. Tsy tsaroana intsony.

ENSEVELIR, *va.* 1° Mandevina, manitrika, manafina. — les morts. *Mandevina, manitrika* ny maty. — le roi. *Manafina* ny masina. Voy. Enterrer. 2° *fig.* Mitelina, manafina. La mer ensevelit tout. Ny ranomasina *mitelina* ny zavatra rehetra. — un secret. *Manafina* tsiambaratelo.

S'ensevelir, *vpr.* Miery, miafina. Il s'est enseveli dans la solitude. Lasa *niery, niafina* any amy ny tany mangingina izy.

ENSEVELISSEMENT, *sm.* Fandevenana, fanitrihana, fanafenana.

ENSORCELER, *va.* 1° Mamosavy, mamorika. 2° *fig.* Mahadala. Cette femme a ensorcelé ce jeune homme. Io vehivavy io no *nahadala* izany tovolahy izany.

ENSORCELEUR, EUSE, *s.* 1° Mpamosavy, mpamorika. 2° *fig.* Mahadala.

ENSORCELLEMENT, *sm.* Famosaviana, mosavy, famorehana, vorika.

ENSUITE, *adv.* 1° Rehefa, raha afaka izany, aoriana, vao. — nous ferons le reste. *Rehefa, raha afaka izany, aoriana* dia hataonay ny sisa. — il me dit. *Taorian' izany* dia nilaza tamiko izy. Travaillez d'abord, vous vous amuserez —. Miasà aloha, *rehefa,* etc., milalao hianareo. 2°—, Noho izany. — de cela il partit. *Noho izany* dia lasa izy.

ENSUIVRE (S'), *vpr.* Avy, ateraka. Un grand bien s'ensuivit de tant de maux. Nisy soa be *avy* tamin' izany, *naterak'* izany fahoriana be izany.

ENTACHER, *va.* Manala baráka. Cette condamnation entache son honneur. *Manala baraka* azy izany fanamelohana izany.

ENTAILLE, *sf.* 1° Banga, dimbana, lavaka. Faire des entailles à une poutre. *Mambanga, mandimbana, mandavaka* sakamandimby. 2°—, Fandidiana, ratra, solatra. Le médecin a fait une—dans sa plaie. *Nodidian'* ny dokotera ny feriny. Le sabre a fait une—dans son bras. *Voaratra, voasolatry* ny sabatra ny sandriny.

ENTAILLER, *va.* Mambanga, mandimbana, mandavaka.

ENTAILLURE, *sf.* Comme ENTAILLE.

ENTAMÉ, ÉE, *p.* 1° Voasantatra, nosantarana, nahafahana, nanesorana, nangalana. Pain—. Mofo *nahafahana, nanesorana, nangalana.* 2°—, Voaempaka, nempahina, miempaka, mikipaka, miovaka, voasolatra, nosolarana, solatra, voasilaka, nosilahana, silaka. 3° *fig.* Nahena, mihena. 3°—, Natomboka.

ENTAMER, *va.* 1° Manantatra, manesotra, manala. Entamez cette barrique de vin. *Santaro* ny divay amin' io barika io. Entamez cette pièce d'étoffe. *Anesory, analao* izany gora izany. 2°—, Manempaka, mampiempaka, mampikipaka, mampiovaka, manolatra, manilaka. La pierre lui a entamé la peau. Ny vato *nanempaka, nampiempaka, nampikipaka, nampiovaka* ny hodiny. Le couteau lui a entamé la chair. *Solatry* ny antsy ny nofony. La balle a entamé l'os. *Silaky* ny bala ny taolana. 3° *fig.* Mampihena. —la réputation de quelqu' un. *Mampihena* ny lazan' olona. 4°—, Manomboka. —une affaire. *Manomboka* raharaha.

S'entamer, *vpr.* Mandra-tena.

ENTAMURE, *sf.* Sombiny voalohany. Il aime l'—du pain. Tiany ny *sombimofo voalohany.*

ENTASSEMENT, *sm.* 1° Fifanongoavana, flavosana, flavovonana, antontany. 2°—, Fihipohana, fihivohana. 3° *fig.* Habetsahana. Un—d'affaires. Raharaha *betsaka,* —mifanindry lany.

ENTASSER, *va.* 1° Mampifanongoa, manavosa, manavovona, manao antontany. Il a entassé ses meubles les uns sur les autres. *Nampifanongoa, nanavosa, nanavovona* ny fanany rehetra izy.—des gerbes de riz. *Manao antontam*-bary. 2°—, Mampihipoka, mampihivoka, manivoka. On les avait entassés dans une barque. *Nahipoka, nahivoka* tao anaty lakana izy ireo. 3° *fig.* Manangona, mamory, manampy.—des richesses. *Manangona, mamory* harena.—fautes sur fautes. Manao hadisoana *manampy* hadisoana. Voy. ACCUMULER. ‖ *loc.* —paroles sur paroles. Milaza antsanga tsy aman' orana.

S'entasser, *vpr.* Mihipoka, mihivoka. S' —dans une voiture. *Mihipoka,* etc., ao anaty kalesy.

ENTE, *sf.* Rantsan-kazo ampanirina amy ny foto-kazo hafa.

ENTENDEMENT, *sm.* Saina, fahalalana. Il a l'—subtil. Mahira-*tsaina* izy. C'est un homme de peu d'—. Olona kely *saina, fahalalana* izy.

ENTENDEUR, *sm.* Mpahalala. A bon —demi-mot. Teny atsipin' ny mpanampanahy, ka raisin' ny *mpahalala.*

ENTENDRE, *va.* 1° Mandre, mahare. Entendez-vous le canon? Moa *mandre, mahare* ny tafondro va hianao? C'est ce que j'ai entendu dire. Izany no *reko.* Il a mal entendu. Taila-*nandrenesana* izy. ‖ *loc.*—dur. Lalodalovana.—la messe Mamonjy lamesa. 2°—, Mihaino. Il entend les témoins. *Mihaino* ny vavolombelona izy. O Dieu! entendez ma prière. Andriamanitra ô! *henoy* ny fangatahako. Il n'entend pas de cette oreille-là. Tsy mety *mihaino* izany izy 3°—, Mahay, mahalala, mihevitra. Il entend le malgache. *Mahay* teny malagasy izy. Ce forgeron entend bien son métier. *Mahay* manefy tokoa io mpanefy io. Il entend à demi-mot. *Mahalala* haingana izy. Qu' entendez-vous par là? Inona no *hevitrao* amin' izany? Faites comme vous l'entendrez. Ataovy araka ny *hevitrao.* ‖ *loc.* Il entend la plaisanterie. Tsy resy vosotra izy. Il n'entend pas plaisanterie. Sarotsarotiny, lozabe izy.—raison. Maneky ny marina. Il n'entend pas raison là-dessus. Tsy mety *maneky* ny marina amin' izany izy.

—, *vn.* Tsy maintsy. J'entends que vous restiez avec moi. *Tsy maintsy* hijanona aty amiko hianao.

S'entendre, *vpr.* 1° Re. Cette cloche s' entend de loin. *Re* lavitra io lakolosy io. 2°—, Mifandre. Le bruit est si grand qu' on ne s'entend pas. Bo loatra ny tabataba, ka tsy *ifandrenesana.* 3°—, Fantatra. Cela s'entend. *Fantatra* izany. 4°—, Mifankahazo, mifankahay, miray hevitra, miray fo, miray tetika. Ces deux jeunes gens s'entendent bien. *Mifankahazo, mifankahay, miray hevitra, miray fo* tsara izy roa lahy. Il s'entend avec l'ennemi. *Miray tetika* amy ny fahavalo izy. 5°—, Mahay, mahalala Il s'entend à la culture. *Mahay* mambo'y, *mahalala* ny fomba fambolena izy.

ENTENDU, UE, *p.* et *adj.* 1° Re. 2° —, Nohainoina. 3°—, Hay, fantatra, raikitra. C'est—. *Fantatra, raikitra* iza-

ny. 4°—, Mahay, mahalala. Il est — aux affaires. *Mahay* mitondra raharaha izy. —, *sm*. Mahay, mahalala. Fa're l'—. Mihambo ho *mahay*, etc., miana-kendry.

Bien entendu, *loc. adv.* Env. Viendrez-vous? bien—. Moa ho avy hianao? *eny*.

Bien entendu que, *loc. conj.* Kanefa.

ENTENTE, *sf.* Hevitra. C'est un mot à double—. Teny roa *hevitra* izany.

ENTER, *va.* Mampaniry rantsan-kazo amy ny foto-kazo hafa.

ENTERRÉ, ÉE, *p.* et *adj.* Voalevina, nalevina, voasitrika, nasitrika, voafina, nafenina.

ENTERREMENT, *sm.* 1° Fandevenana, levenana, fanitrihana, fanafenana. Son — a été magnifique. Nahagaga ny *nanderenana* azy. Voy. FUNÉRAILLES. 2°—. Ny mpandevina. J'ai vu passé l'—. Efa hitako ny *mpandevina* nandalo.

ENTERRER, *va.* 1° Mandevina, manitrika, manafina. —un trésor. *Mandevina* rakitra. —un enfant. *Mandevina, manitrika* fatin-jaza. — le souverain. *Manafina* ny masina. ‖ *loc.* —quelqu'un provisoirement. Manao aniritra. 2° *fig.* Manafina. —ses talents. *Manafina* ny fahaizany.

S'enterrer, *vpr.* Miery, miafina. Comme S'ENSEVELIR.

ENTÊTÉ, ÉE, *adj.* et *s.* Maditra, be ditra, mafy hatoka, mafy sofina, be tohika, be bohihy, botraika, tsy azo atao ahoana amin' ahoana, mitokona, mitokozihitra, mihenahena, kirina, mikiribiby, mitompo teny fantatra, mikitroka. C'est un enfant—. Zaza kely *maditra, be ditra, mafy hatoka, mafy sofina, be tohika, be bohihy, botraika, tsy azo atao ahoana amin' ahoana, mitokona, mitokozihitra, mihenahena, kirina* io. C'est un vieillard —. Lahiantitra *maditra, be ditra, mafy hatoka, be tohika, be bohihy, botraika, tsy azo atao ahoana amin' ahoana, mitokona, mitokozihitra, mihenahena, kirina io, mikiribiby, mitompo teny fantatra, mikitroka* izy.

ENTÊTEMENT, *sm.* Di-doha, hamafy hatoka, hamafy sofina, tohika, bohiby, botraika, fitokona, fitokozihitra, fihenahena, fikiry, fikiribibiana, fikitroka, fikitrohana.

ENTÊTER, *va.* Mampikiribiby, mampitompo teny fantatra, mampikitroka. Qui a pu l'—de cette opinion? Iza no *nampikiribiby*, etc., azy tamin' izany hevitra izany?

S'entêter, *vpr.* Manao ditra, mitokona, mitokozihitra, mihenahena, mikiribiby, mitompo teny fantatra, mikitroka.

ENTHOUSIASME, *sm.* 1° Fitalanjonana, fitampim-bava, fitiavana be loatra, firehitry ny herim-po, firehitry ny fahazotoana. Il est plein d'—pour les ouvrages des Grecs. *Talanjona, mitampim-bava* amy ny bokin' ny Grika, *tia loatra* ny bokin' ny Grika izy. Ce discours remplit les soldats d'—. Izany laha-teny izany *nampirehitra ny herim-po, nampirehitra ny fahazotoan'* ny miaramila. 2°—, Hafaliana lehibe, firavoravoana lehibe. Il fut reçu avec —. Noraisina tamin-*kafaliana*, tamim-*piravoaravoana lehibe* izy.

ENTHOUSIASMÉ, ÉE, *adj.* 1° Talanjona, mitampim-bava, tia loatra, tia izaitsizy, mirehitra herim-po, mirehitra fahazotoana. 2°—,Faly dia faly, miravoravo.

ENTHOUSIASMER, *va.* 1° Mahatalanjona, mampitampim-bava, mampitia loatra, mampirehitra ny herim-po, —ny fahazotoana. 2°—, Maharavoravo.

S'enthousiasmer, *vpr.* 1° Mitalanjona, mitampim-bava, tia loatra, mirehitra herim-po, —fahazotoana. 2°—, Miravoravo.

ENTHOUSIASTE, *s.* et *adj.* Mpitalanjona, mpitampim-bava, tia loatra, tia izaitsizy.

ENTICHÉ, ÉE, *adj.* Mitompo teny fantatra, mikiribiby, mikitroka. Il est— de ses opinions. *Mitompo teny fantatra*, etc., amy ny heviny izy.

ENTICHER, *va.* Mampitompo teny fantatra, mampikiribiby, mampikitroka. Qui vous a entiché de cette opinion? Iza no *nampitompo teny fantatra*, etc., anao tamin' izany hevitra izany?

S'enticher, *vpr.* Mitompo teny fantatra, mikiribiby, mikitroka.

ENTIER, ÈRE, *adj.* 1° Manontolo, tontolo, tsy mivaky, tsy nahafahana, mandritra, maninjitra, mipaka, ngarangidina. Il a mangé un pain—. Nihinana mofo iray *manontolo, tsy mivaky, tsy nahafahana* izy. Il a parcouru le monde—. Nitety an' izao *tontolo* izao izy. Il est resté absent un mois—. Tsy tao *nandritra* ny iray volana izy, iray volana *maninjitra, mipaka, ngarangidina* izy tsy tao. Il a voyagé une année entière. Nivahiny *nandritra* ny he-

rintaona izy, herintaona *maninjitra, mipaka, ngarangindina* izy nivahiny hiany. 2°—, Indrindra, izaitsizy, fatratra. J'ai une entière confiance en Dieu. Andriamanitra no itokiako *indrindra*. Il se livre tout—à l'étude. Milozoka *izaitsizy, fatratra* amy ny fianarana izy. 3° *fig*. Mitompo teny fantatra, mikiribiby, mikitroka. Il est—dans ses opinions. *Mitompo teny fantatra*, etc., amy ny heviny izy.

—, *sm*. Isa tsy vaky. Quatre quarts font un—. Ny efatra ampahefany dia *isa iray tsy vaky*.

En entier, *loc. adv*. Iray manontolo, tsy mivaky, tsy nahafahana, tsy miova. J'ai lu l'ouvrage en—. Efa novakiko izany boky *iray manontolo* izany. Le bœuf est en son—. *Tsy nahafahana* ny omby. Le temple est encore en son —. Mbola *tsy miova* ny tempoly.

ENTIÈREMENT, *adv*. 1° Indrindra, izaitsizy, fatratra. Ils sont — différents. Samihafa *indrindra* izy ireo. Il se livre — au jeu. Mahery milalao *izaitsizy, fatratra* izy.

ENTONNER, *va*. Miventy hira, maka feo. Il entonne trop haut. Ataony avo loatra ny *fiventiny hira*, avo *faka feo* loatra izy.

ENTONNOIR, *sm*. Lantonara.

ENTORSE, *sf*. Fipitsohana, fioretana. Il s'est donné une — au poignet. *Nipitsoka, nioritra* ny hato-tánany.

ENTORTILLAGE, *sm*. Fisafotofoto, fisaritaka, fifanjevo.

ENTORTILLÉ, ÉE, *p*. et *adj*. 1° Voahodidina, nohodidinina, mihodidina, voahorona, nahorona, mihorona, voafadiditra, nofadidirana, mifadiditra. 2° *fig*. Misafotofoto, misaritaka, mifanjevo. Son discours est—. *Misafotofoto*, etc., ny lahateniny.

ENTORTILLEMENT, *sm*. 1° Fifadidirana, fandadinana. 2° *fig*. Fisafotofoto, fisaritaka, fifanjevo.

ENTORTILLER, *va*. 1° Manodidina, mangorona, mamadiditra. Entortillez ce sucre dans du papier. *Hodidino* taratasy, *ahorony* amy ny tara'asy io siramamy io. Le serpent entortillait son bras. *Nifadidiran'* ny bibilava ny sandriny. 2° *fig*. Mampisafotofoto, mampisaritaka, mampifanjevo. 3°—, Manangoly, manoloky. Il cherche à l'—. Mitady *hanangoly*, etc., azy izy.

S'entortiller, *vpr*. 1° Mihodidina, mifadiditra, mandadina. Il s'entortilla dans son manteau. *Nihodidina* ny kapaotiny izy. Les lianes s'entortillent autour des branches. *Mifadiditra* amy ny rantsankazo, *mandadina* ny rantsan-kazo ny vahy. Le serpent s'entortilla autour de sa jambe. *Nifadiditra* tamy ny ranjony ny bibilava. 2° *fig*. Misafotofoto, misaritaka, mifanjevo.

ENTOURAGE, *sm*. 1° Fefy, vala, rova. L'—d'un arbre. Ny *fefin*-kazo. L'—du palais. Ny *rova*. 2° *fig*. Namana, sakaiza, mpanolo-tsaina. Il a un mauvais—. Ratsy ny *namany*, ny *sakaizany*.

ENTOURÉ, ÉE, *p*. et *adj*. 1° Nasiana manodidina. 2°—, Voahodidina, nohodidinina, natao sokera, nosokeraina, voaotrona, notronina. 3°—, Manana namana, —, sakaiza,—mpanolo-tsaina. Ce roi est mal—. Ratsy *mpanolo-tsaina* io mpanjaka io.

ENTOURER, *va*. 1° Manisy manodidina. —une ville de murailles. *Manisy* manda *manodidina* ny tanána. 2°—, Manodidina, manao sokera, manotrona. Les soldats l'entourèrent et le saisirent. Ny miaramila *nanodidina* azy dia nisambotra azy, *nohodidinina*, *nataon'* ny miaramila *sokera, nosokerain'* ny miaramila izy ka nosamboriny. Les officiers entouraient le roi. Ny manamboninahitra *nanodidina, nanotrona* ny mpanjaka. 3°—, Miaraka, namana, sakaiza, manolo-tsaina. Ceux qui l'entourent le trompent. Mamitaka azy ireo *miaraka* aminy, ireo *namany*, ireo *sakaizany*, ireo *mpanolo-tsaina* azy.

S'entourer, *vpr*. Maka ho namana,—ho sakaiza,— ho mpanolo-tsaina. Le roi s'est entouré des hommes les plus sages. Ny mpanjaka *naka* izay olon-kendry indrindra *ho sakaizany, ho mpanolo-tsaina* azy.

ENTOURS, *sm. pl*. Ny manodidina. Surveillez les— du camp. Ambeno ny *manodidina* ny toby.

ENTR'AIDER (S'), *vpr*. Mifanampy, mifanohana, mifanakona. Les hommes doivent s'—. Tsy maintsy *hifanampy, hifanohana* ny olombelona. Les Malgaches s'entr'aident dans le travail des rizières. *Mifanampy, mifanakona* ny Malagasy raha miasa tanimbary.

ENTRAILLES, *sf. pl*. 1° Tsinay, kibo. Il a une colique qui lui déchire les—.

Manotikotika ny *tsinainy* azon' ny mandalo. J'ai mal aux—. Marary ny *kiboho*. Le fruit de vos—est béni. Efa nohasoavina izay notorontoronina ao an-*kibonao*. 2°—, Taovany. Les Romains consultaient les—des animaux. Ny Romana nitady vinany tamy ny *taovam*-biby. 3° *fig*. Fitiavana. Cette femme a des—de mère pour cet enfant. Ity vehivavy ity *tia* io zaza kely io tahaka ny reniny niteraka azy. 4°—, Aty. Les—de la terre. Ny *atin'* ny tany.

ENTR'AIMER (S'), *vpr*. Mifankatia.

ENTRAIN, *sm*. Hamailahana, havitrihana, harisihana, fisononóka. Qui a de l'—. *Mailaka, maritrika, marisika*. Ce livre a de l'—. *Misononóka* tsara io boky io.

ENTRAÎNANT, ANTE, *adj*. Mahataona, mahatarika.

ENTRAÎNÉ, ÉE, *p*. 1° Nindaosina, voafaoka, nofaohina, voapaoka, nopaohina, nongoahana, voatarika, notaritina, voasarika, nosarihana, voasintona, nosintonina. 2° *fig*. Voataona, notaomina, voatarika, notaritina.

ENTRAÎNEMENT, *sm*. Fitaomana, fitarihana. Il cède à l'—de ses passions. Manaraka ny *fitaoman*-dratsiny izy.

ENTRAÎNER, *va*. 1° Manindao, mifaoka, mipaoka, manongaka, mitarika, misarika, manintona. Le torrent a entraîné sa maison. *Nindaosina, nofaohina, nopaohina, nongoahan'* ny riaka ny tranony. Je le pris par le bras et l'entraînai hors de la maison. Noraisiko tamy ny sandriny izy, dia *notarihiko, nosarihako, nosintoniko* ho any alatrano. 2° *fig*. Mitaona, mitarika, miteraka, mampiditra, mahatonga. La passion l'a entraîné. *Nolaomin'* ny filan-dratsiny izy. Cet orateur entraîne la multitude. *Mahatarika* ny vahoaka io mpandaha-teny io. La guerre entraîne après elle bien des maux. *Mitarika, miteraka, mampiditra, mahatonga* loza betsaka ny ady.

ENTRANT, *sm*. Mpiditra. Les entrants et les sortants. Ny *mpiditra* sy ny mpivoaka.

ENTR'APPELER (S'), *vpr*. Mifampiantso.

ENTRAVÉ, ÉE, *p*. 1° Natao am-parapaingo. 2° *fig*. Voasampontsampona, nosampontsamponana.

ENTRAVER, *va*. 1° Manao am-parapaingo, manisy parapaingo.—un cheval. *Manao am-parapaingo,* etc., ny soavaly. 2° *fig*. Manampontsampona. Cette affaire entrave mon mariage. Izany raharaha izany *manampontsampona* ny hanambadiako.

S'entraver, *vpr*. Mifanampontsampona.

ENTR'AVERTIR (S'), *vpr*. Mifampilaza.

ENTRAVES, *sf. pl*. 1° Parapaingo. 2° *fig*. Sampona.

ENTRE, *prép*. 1° Anelanelana, anelakelaka, ampovoany. Il y a un arbre—les deux maisons. Misy hazo ao *anelanelana, anelakelaky* ny trano roa. Il se jeta—ces deux hommes qui se battaient. Nilatsaka tao *ampovoan'* ireo olona roa lahy niady ireo izy. Venez—deux heures et cinq heures. Tongava ao *anelanelan'* ny ora roa sy ny dimy. Le gris est—le blanc et le noir. Ny grio dia *anelanelan'* ny fotsy sy ny mainty. Tamatave est—Andevorante et Foulepointe. Toamasina dia ao *anelanelan'* Andevoranto sy Mahavelona. 2°—, Hatrany, an...., amy. —Tananarive et Tamatave il y a plus de deux cents kilomètres. *Hatrany* Antananarivo ka hatrany Toamasina misy kilometatra roan-jato mahery. J'ai remis la lettre—ses mains. Napetrako tao *an*-tánany ny taratasy. La plupart d'—eux sont morts. Maty ny an-kabiazany *tamin'* izy ireo. Partagez ce bœuf—eux. Zarazarao *amin'* izy ireo io omby io. 3°—, Mifan..., mifampi...., mifanka.... Ils s'aident—eux. *Mifanampy* izy ireo. Ils se disaient—eux. *Nifampilaza* izy ireo. Il y a inimitié—eux. *Mifankahala* izy ireo. ‖ *loc*. Cela soit dit—nous. Tsy ambara telo izany. Tenir un enfant—ses bras. Mitrotro zaza.

ENTRE-BAÎLLÉ, ÉE, *p*. Mitafitafy.

ENTRE-BAÎLLER, *va*. Mampitafitafy.

ENTRE-CHOQUER (S'), *vpr*. 1° Mifampidona, mifampipoka, mifampigona, mifampipaika. Voy. SE CHOQUER. 2° *fig*. Mifanohitra. Ces deux hommes s'entre-choquent sans cesse. *Mifanohitra* lalandava izy roa lahy ireo.

ENTRE-COLONNE, *sm*. Ny elanelan' ny andry roa.

ENTRECOUPÉ, ÉE, *p*. et *adj*. Vakivakina, tapatapahina.

ENTRECOUPER, *va*. 1° Mamakivaky, manapatapaka. Des canaux entrecoupent mon jardin. Misy lakan-drano *mamakivaky, manapatapaka* ny zaridai-

ko. 2° *fig*. Manapatapaka. Les soupirs entrecoupaient sa voix. Ny fisentosentoana *nanapatapaka* ny feony.

S'entrecouper, *vpr*. Mifanapatapaka.

ENTRE-CROISER, *va*. Mampifanapatapaka. —des fils. *Mampifanapatapaka* ny taretra.

S'entre-croiser, *vpr*. Mifanapatapaka. Les lignes s'entre-croisent. *Mifanapatapaka* ny tsipika.

ENTRE-DÉCHIRER (S'), *vpr*. 1° Mifandromotra, mifandrotika. 2° *fig*. Mifanaratsy.

ENTRE-DÉTRUIRE (S'), *vpr*. Mifamono, mifandringana, mifandripaka.

ENTRE-DEUX, *sm*. Ny elanelana. L'—des épaules. Ny *elanelan*'ny soroka. —, *loc. adv*. Antoniny. Fait-il chaud ?—. Moa mafana va ? *antoniny*.

ENTRE-DÉVORER (S'), *vpr*. Mifampihinana. [me.

ENTRE-DONNER (S'), *vpr*. Mifano-

ENTRÉE, *sf*. 1° Varavarana fidirana, vavahady fidirana, vava, fidirana. Voici l'—de la maison. Ity ny *varavarana fidirana* ao an-trano. Voici l'—de l'emplacement. Ity ny *vavahady fidirana* ao amy ny tokotany. Attendez-moi à l' —du chemin. Andraso ao am-*bava* lálana aho. L'—du port est étroite. Ety ny *vava* seranana. Vous m'attendrez à l'—de la ville. Hiandry ahy ao am-*bavahadin'* ny tanána, ao amy ny *vava* lálana *fidirana* ao an-tanána hianao. L'—de cette bottine est trop étroite. Ety loatra ny *fidiran'* io botina io. 2°—, Fidirana, fiakarana, fanatonana, filatsahana Billet d'—. Taratasy *fidirana*. A son —chacun se leva. Nony *niditra* izy, dia samy nitsangana ny olona. Faire son—en ville. *Miakatra* an-tanána. Il a son—au conseil. Mahazo *miditra* ho isan' ny mpanolo-tsaina izy. Il a son—chez le roi. Mahazo *manatona* ny mpanjaka izy. Il a fait des progrès depuis son—au collège. Nandroso dia nandroso izy hatramy ny *nidirany, nilatsahany* tao amy ny kolejy. 3°—, Fanombohana, fiandohana, fiantombohana. Il vient de faire son—au barreau. Vao *nanomboka* ho mpisolo vava izy. Il est parti à l'—de l'été. Lasa tamy ny *niandohana, niantombohan'* ny fahavaratra izy. 4°—, Fadin-tseranana, haba. J'ai payé l'—. Efa naloako ny *fadin-tseranana*, ny *haba*.

ENTREFAITES, *sf. pl*. **Sur ces—,** *loc. adv*. Tamin' izay.

ENTRE-FRAPPER (S'), *vpr*. Mifampikapoka, mifamely, mifamango, mifamono.

ENTR'ÉGORGER (S'), *vpr*. Mifamono ho faty.

ENTRELACEMENT, *sm*. Fifanolanana, fifamadidirana, fifampidipiditra.

ENTRELACER, *va*. Mampifanolana, mampifamadiditra, mampifampidipiditra, manisitsisika. —des branches. *Mampifanolana, mampifamadiditra* sampan-kazo. —des lettres. *Mampifampidipiditra* soratra. —les cheveux de rubans. *Mampifanolana, manisitsisika* rubá amy ny volon-doha.

S'entrelacer, *vpr*. Mifanolana, mifamadiditra, mifampiditra. Racines qui s'entrelacent. Fakan-java-maniry *mifanolanolana*, etc.

ENTRELARDÉ, ÉE, *adj*. Vandana (hena). Bœuf—. Hena *vandana*.

ENTRELARDER, *va*. 1° Manisika tavin-kisoa. Entrelardez ce filet de bœuf. *Sisiho tavin-kisoa* io ili-kena io. 2° *fig*. Manisika.—un discours de citations. *Manisika* teny nalaina amy ny laha-teny.

ENTRE-LIGNE, *sm*. Elanelan-tsoratra.

ENTRE-LUIRE, *vn*. Misomambisamby, miseho mangarahara. La lune entre-luit à travers les nuages. *Misomambisamby*, etc., amy ny rahona ny volana.

ENTREMÊLER, *va*. 1° Mampifangaro, mampifanelanelana.—des fleurs rouges parmi des blanches. *Mampifangaro* voninkazo mena amy ny voninkazo fotsy. —des orangers et des grenadiers *Mampifanelanelana* foto-boasary sy fototr' ampongabendanitra. 2° *fig*. Mangaro, manisika, mampifangaro. Il ne faut point —des questions si différentes. Tsy azo *aharo, ampifangaroina* ny zavatra samihafa tahaka izany.—des plaisanteries dans un discours. *Mangaro*, etc., kivazivazy amy ny laha-teny.

S'entremêler, *vpr*. 1° Mifangaro, mifanelanelana. 2° *fig*. Naharo, nasisika. 3° —, Manalálana, manelanelana. Comme S'ENTREMETTRE.

ENTREMETS, *sm*. Nahandro ao antenatena fihinanana.

ENTREMETTEUR, EUSE, *s. M*, analálana, mpanelanelana, elanelam-panahy.

ENTREMETTRE (S'), *vpr*. Manalálana, manelanelana. S'—pour un mariage. *Manalálana* fanambadiana. Il s'est entremis pour accorder les deux parties

Nanalàlana, nanelanelana mba hampifanaraka ny mpiady roa tonta izy.

ENTREMISE, *sf.* Fanalalanana, alalana, fanelanelanana. La paix s'est faite par son—. Vita tamy ny *fanalalanany*, etc, ny fanelem-pihavanana.

ENTRE-NŒUD, *sm.* Vany.

ENTRE-NUIRE (S'), *vpr.* Mifanimba.

ENTRE-PERCER (S'), *vpr.* Mifanatrobaka.

ENTREPONT, *sm.* Rihan-tsambo ao antenatenany.

ENTREPÔT, *sm.* Trano na tanána fametraham-barotra.

ENTREPRENANT, ANTE, *adj.* Sahy, matoky. Général—. Jeneraly *sahy*, etc.

ENTREPRENDRE, *va.* 1° Manomboka, mikasa. —une guerre. *Manomboka*, etc., hiady. 2°—, Miantoka, miandraikitra. Il a entrepris de fournir les vivres à l'armée pendant trois ans. *Niantoka*, etc., ny hanin' ny miaramila nandritra ny telo taona izy. 3° *fig.* Manorisory, mamazivazy. —quelqu'un. *Manorisory*, etc., olona.

S'entreprendre, *vpr.* Atomboka.

ENTREPRENEUR, EUSE, *s.* Mpiantoka, mpiandraikitra.

ENTREPRIS, ISE, *p.* et *adj.* 1° Natomboka. 2°—, Niantohana, niandraiketana. 3° *fig.* Mararirary, sanganehana.

ENTREPRISE, *sf.* 1° Zavatra kasaina hatao, zavatra atomboka, raharaha. C'est une grande—. *Zavatra* lehibe izany *kasaina hatao, raharaha* izany. Il est venu à bout de son—. Nanatanteraka ny *zavatra nokasainy hatao*, ny *zavatra natombony*, ny *raharahany* izy. 2°—, Fiantohana, fiandraiketana. Il a l'—de ce bâtiment. *Miantoka, miandraikitra* izany trano izany izy.

ENTRER, *vn.* 1° Miditra, miantrano, miakatra, milatsaka. Entrons dans la maison. *Midira* isika ato an-trano. Il est entré hier en ville. *Niakatra* omaly tao an-tanàna izy. Entrez dans la pirogue. *Milatsaha* ao anaty lakana. Mon fils est entré au collège. *Niditra, nilatsaka* amy ny kolejy ny zanako. Il est entré au service. *Nilatsaka* miaramila izy. Il est entré en religion. *Nilatsaka* relijiozy izy. 2° *fig.* Manomboka, miantomboka, mandray, efa mby. Il est entré en fonctions. *Nanomboka* ny raharahany izy. —en matière. *Manomboka* milaza izay tena raharaha. Il entre dans sa vingtième année. *Mandray* roapolo taona izy. Nous entrons dans l'année 1892. *Manomboka, miantomboka, efa mby* amy ny taona 1892 isika. 3°—, Miditra, latsaka, milatsaka, manaraka, araka. Les racines de cet arbre entrent profondément dans la terre. *Miditra* lalina any anaty tany ny fakan' io hazo io, *latsa*-paka lalina io hazo io. On ne peut rien lui faire—dans la tête. Tsy misy zavatra na inona na inona azo *alatsaka* ao anatin' ny sainy. Cela ne m'est jamais entré dans l'esprit. Tsy mbola *tafalatsaka* tao anatin' ny saiko izany hevitra izany. J'entre dans ses vues. *Manaraka* ny heviny aho. Cela n'entre pas dans mes vues. Tsy *araka* ny hevitro izany. 4°—, Omby, mahalany, misy, antony, fototra. Combien entre-t-il de bœufs dans ce parc? *Omby, mahalany* omby firy io fahitra io? Il entre deux brasses d'étoffes dans cet habit. *Mahalany* lamba faharoa izany akanjo izany. Il entre un peu d'aigreur dans ces reproches. *Misy* hasarotam-po kely amin' izany fananarana izany. Vos conseils entrent pour beaucoup dans ma résolution. Ny toro-hevitrao no *antony, fototra* lehibe nahandraikitra ny fikasako.

—, *va.* Mampiditra. —un piano par la fenêtre. *Mampiditra* penoa avy ao ambaravaran-kely.

ENTRE-SECOURIR (S'), *vpr.* Mifanampy, mifanohana, mifamonjy.

ENTRETENIR, *va.* 1° Miahy, mikajakaja, mitandrina, mamelona, mampaharitra. Il entretient bien sa maison. *Miahy, mikajakaja, mitandrina* tsara ny tranony izy. Il entretient bien sa santé. *Miahy, mitandrina* tsara ny hasalamany izy. Entretenez le feu. *Tandremo* mba tsy ho faty ny afo. Il entretient bien sa famille. *Miahy, mamelona* tsara ny fianakaviany izy. Il entretient la désunion dans cette famille. *Mampaharitra* ny tsy fifanarahana amin' izany fianakaviana izany izy. 2°—, Miresaka. Je l'ai entretenu de mes projets. Efa *noresahiko* taminy ny fikasako.

S'entretenir, *vpr.* 1° Miahy, miahy tena, ivelomana, maharitra, velomina. Il s'entretient de linge. *Miahy* ny fitafiany, *miahy tena* amy ny fitafiana izy. Il s'entretient de tout. *Miahy tena* amy ny

zavatra rehetra ilainy izy. Il s'entretient de ce que l'État lui donne. Izay omen'ny fanjakana azy no *ivelomany*. Par là s'entretient l'union. Noho izany *maharitra* ny fifanarahana. La piété s'entretient par la prière. *Velomin'* ny fivavahana ny fitiavam-bavaka. 2°—. Miresaka Ils s'entretinrent de bagatelles. *Niresaka* zavatra tsinontsinona izy ireo.

ENTRETIEN, *sm.* 1° Fiahiana. fikajakajana, fitandremana, fivelomana. Il dépense beaucoup pour son—. Lany be amy ny *fivelomana* izy. 2°—. Firesahana, resaka. Nous eûmes un long—ensemble. Niara-*niresaka* ela izahay.

ENTRE-TUER (S'), *vpr.* Mifamono ho faty.

ENTREVOIR, *va.* 1° Mahita manjavozavo, mahafsipa'oka. J'entrevois l'église à travers le brouillard. *Hitako manjavozavo* ao anatin' ny zavona ny trano fiangonana. J'ai entrevu le voleur. *Nahatsipaloka* ny mpangalatra aho. 2° *fig.* Mahafantapantatra, mahazoazo vinany. J'entrevois ses projets. *Fantapantatro, azoazoko vinany* ny zavatra kasainy hatao. J'entrevois l'avenir. *Azoazoko vinany* ny ho avy.

S'entrevoir, *vpr.* Mihaona.

ENTREVUE, *sf.* Fihaonana. Il demanda une—au général. Nangataka tamy ny jeneraly izy mba *hihaona* aminy.

ENTR'OUVERT, ERTE, *p.* et *adj.* Voatafitafy, natafitafy, mitafitafy, voasokatra, nosokafana, misokatra, mivava, voasaraka, nosarahina, misaraka, mivelatra. La porte est entr'ouverte. *Mitafitafy* ny varavarana. Le plafond est—. *Misokatra* ny valin-drihana.

ENTR'OUVRIR, *va.* Mampitafitafy, manokatra, mampisaraka. Entr'ouvrez la porte. *Atafitafio* ny varavarana. Moïse entr'ouvrit les eaux. Moizy *nampisaraka* ny rano.

S'entr'ouvrir, *vpr.* Mitafitafy, misokatra, mivava, mivelatra, misaraka. La terre s'entr'ouvrit. *Nisokatra, nisaraka* ny tany. Ses yeux s'entr'ouvrent. *Misokatra* kely ny masony. Les roses s'entr'ouvrent. *Mivelatra* ny raozy.

ÉNUMÉRATION, *sf.* Famisavisana, fanisisana, filazana tsirairay. L'— de ses travaux suffit à son éloge. Ampy hiderana azy ny *famisavisana*, etc., ny nataony.

ÉNUMÉRER, *va.* Mamisavisa, manisisa, milaza tsirairay, mandraraka isa.

ENVAHIR, *va.* 1° Mibosesika, manafika, maka an-kery. L'armée envahit l'Italie. Ny tafika *nibosesika* tany Italia, *nanafika* any Italia. Il a envahi mon héritage. *Naka an-kery* ny lovako izy. 2° *fig.* Manafotra, manenika. La rivière a envahi la plaine. Ny renirano *nanafotra, nanenika* ny tany lemaka.

ENVAHISSEMENT, *sm.* 1° Fibosesehana, fanafihana, fakana an-kery. 2° *fig.* Fanaforana, fanenika.

ENVAHISSEUR, *sm.* Mpibosesika, mpanafika, mpaka an-kery.

ENVELOPPE, *sf.* 1° Fono, valopy. Enlevez l'—du paquet. Esory ny *fonon'* entana. Mettez la lettre sous—. Ataovy ao anaty *valopy* ny taratasy ampitondraina. 2° *fig.* Ivelany. Sous une—épaisse, il cache un esprit délié. Toa adaladala eo *ivelany* izy, kanjo tena manan-tsaina.

ENVELOPPÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Voafono. nofonosina. 2°—, Voahodidina, nohodidinina, mihodidina, voasarona, nosaronana. 3° *fig.* Voasarona, nosaronana. 4°—, Nahitsoka, tafahitsoka, mihitsoka. Il se trouve—dans de mauvaises affaires. *Tafahitsoka, mihitsoka* amy ny raharaha sarotra izy.

ENVELOPPER, *va.* 1° Mamono. Enveloppez cette image dans du papier. *Fonosy* ao anaty taratasy io sary io. 2°—, Manodidina, manarona. L'ennemi enveloppa la place. Ny fahavalo *nanodidina* ny tanàna. —les ennemis. *Manarona* ny fahavalo. 3° *fig.* Manarona. Ils ont enveloppé la vérité sous des fables. *Nosarontsaronan'* izy ireo fanoharana ny anatra mahasoa. 4°—, Mampihitsoka. On l'a enveloppé dans ce procès. *Nahitsoka* tao amin' izany ady izany izy.

S'envelopper, *vpr.* 1° Mamono. Enveloppez-vous le doigt. *Fonosy* ny rantsan-tànanao. 2°—, Mihodidina. Enveloppez-vous de ce manteau. *Mihodidina* amin'ity kapaoty ity hianao.

ENVENIMÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Voaisy poizina, misy poizina, voaisy raiboboka, misy raiboboka. Flèche envenimée. Zana-tsipìka *voaisy raiboboka, misy raiboboka*. 2°—, Miharatsy. Plaie envenimée. Fery *miharatsy*. 3° *fig.* Nohamafisina, namj irehetina, misy fanaratsiana. Discours—. Laha-teny *misy fanaratsiana*.

ENVENIMER, *va.* 1° Manisy poizina, manisy raiboboka. 2°—. Maharatsy. 3° *fig.* Mampitombo, manamafy, mampirehitra, mampahatezitra. Il a envenimé la querelle. *Nampitombo, nanamafy, nampirehitra* ny fifandirana izy. Il l'a envenimé contre moi. *Nampahatezitra* azy tamiko izy.

S'envenimer, *vpr.* 1° Miharatsy. La plaie s'envenime. *Miharatsy* ny fery. 2° *fig.* Mitombo, mihamafy, mirehitra.

ENVERGURE, *sf.* 1° Ny halavan' ny sakan-tsalazana, ny halavan'ny lain-tsambo. 2°—. Ny halehiben' ny fivelatry ny ela-borona.

ENVERS, *prép.* Amy. Il est charitable —les pauvres. Mazava fo *amy* ny mahantra izy.

—, *sm.* Lafy ratsy, atiny. Voilà l'—du drap. Ity ny *lafy ratsin'* ny lopôtra. — L'—d'une chemise. Ny *atin'* ny akanjo lobaka.

À l'envers, *loc. adv.* 1° Mivadika. Vous avez mis votre manteau à l'—. *Nivadika* ny kapaotinao. 2° *fig.* Il a la tête à l'—. *Nivadika* ny ati-dohany.

ENVI (À L'), *loc. adv.* Amim-pifaninanana. Ils étudient à l'—. *Mifaninana* amy ny fianarana izy ireo.

ENVIABLE, *adj.* T kony hirina. Sort —. Anjara *tokony hirina.*

ENVIE, *sf.* 1° Fialonana. Ne portez pas—à ceux qui sont au-dessus de vous. Aza *mialona* izay ambony toetra kokoa noho hianao. L'—le dévore. Mirehitry ny *fialonana* izy. Exciter l'—. *Mampialona.* 2°—, Fitsiriritana, faniriana, filendalendana, halianana, fitiavana, filana. Votre sort est digne d'—. *Mahatsiriritra* ny an'aranao. Il a—de ce tableau. *Maniry* izany sary izany izy. J'ai—de voyager. *Maniry te*-hivahiny aho. J'ai —de manger. *Milendalenda, liana, te*-hihinana aho. J'ai—de dormir. *Ta*-hatory aho. J'ai—de vomir. *Ta*-handoa, *mila* handoa aho. ‖ *loc.* Femme enceinte qui a des envies. Vehivavy ratsiaina.

ENVIÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Alonina. Les gens haut placés sont enviés. Izay avo toerana no *alonina.* 2°—, Tsiriritina, mahatsiriritra, irina. Cette place est enviée. *Mahatsiriritra* izany raharaha izany.

ENVIER, *va.* 1° Mialona. 2°—, Mitsiriritra, maniry.

ENVIEUX, EUSE, *adj.* et *s.* 1° Mialona, mpialona. L'—n'a jamais de repos Ny *mpialona* tsy mba mahita fiadanam-po. 2°—, Mitsiriritra, maniry, ratsiaina, liana. Il est—de combattre. *Ratsiaina, liana* ady izy.

ENVIRON, *adv.* Tokony ho, sahabo ho. Il y a—deux heures qu'il est parti. *Tokony ho,* etc., adim-pamantaranandro roa no nialany teto.

ENVIRONNANT, ANTE, *adj.* Manodidina.

ENVIRONNER, *va.* Manisy manodidina, manodidina, manao sokera, manotrona. Comme ENTOURER.

S'environner, *vpr.* Comme S'ENTOURER.

ENVIRONS, *sm. pl.* Ny tany manodidina, ny akaiky. Cela fut publié dans les—. Voalaza ampahibemaso tamy ny *tany manodidina* izany. Il campe dans les—de la capitale. Mitoby ao *akaikin'* ny renivohitra izy.

ENVISAGER, *va.* 1° Mibanjina, mandinika. Dès que je l'eus envisagé, je le reconnus. Raha vao *nibanjina,* etc., azy aho, dia nahalala azy. 2° *fig.* Mijery, mandinika. Il envisage la mort sans crainte *Mijery* ny fahafatesana tsy aman-tahotra izy. —les suites d'une affaire. *Mandinika* ny hiafaran' ny raharaha anankiray.

S'envisager, *vpr.* 1° Mifampibanjina, mifandinika. 2° *fig.* Jerena, dinihina.

ENVOI, *sm.* 1° Fampitondrana. Il m'a fait un—considérable de marchandises. *Nampitondra* varotra be'saka tamiko izy. 2°—, Zavatra ampitondraina. J'ai reçu votre—. Voaraiko ny *zavatra nampitondrainao* tamiko.

ENVOLER (S'), *vpr.* 1° Lasa nanidina, manidina. Il n'y a plus que le nid, les oiseaux se sont envolés. Tsy misy afatsy ny akaniny fotsiny, fa *lasa nanidina* avokoa ny vorona. La fenêtre s'ouvrit et les papiers s'envolèrent par la chambre. Nivoha ny varavaran-kely ka *nanidina* eran' ny efi-trano ny taratasy. 2° *fig.* Mihelina. Le temps s'envole. *Mihelina* ny andro.

ENVOYÉ, *sm.* Iraka.

ENVOYER, *va.* 1° Maniraka, mampitondra, mampanatitra. Il l'envoya à la campagne. *Nirahiny* tany an-tsaha izy. Je vous envoie une lettre. *Mampitondra* taratasy anao aho. Je vous ai envoyé un cheval. *Nampanateriko* any

aminao ny soavaly anankiray. 2°—, Mandefa. Il lui envoya une balle en pleine poitrine. *Nolefasany* bala tokana izy ka voa ny tratrany. 3° *fig.* Maniraka, mahatonga, mandatsaka. Dieu envoya le déluge. Andriamanitra no *naniraka* ny safo-drano. Dieu nous a envoyé de la pluie. Andriamanitra no *nahatonga, nandatsaka* ny ranonorana amintsika. || *loc* —quelqu'un dans l'autre monde. Mahafaty olona.

S'envoyer, *vpr.* Ampitondraina, ampanaterina. Les lettres s'envoient par la poste. Ny taratasy *ampitondraina, ampanaterin'* ny posta.

ÉPAGNEUL, EULE, *s.* Karazan'alika lava volo.

ÉPAIS, AISSE, *adj.* 1° Matevina. Cette planche est trop épaisse. *Matevina* loatra io hazo fisaka io. 2°—, Be vatana, mivatan'adala, daboka. Il est—. *Be vatana, mivatan'adala* izy. Il a la langue épaisse *Dabo-dela* izy. 3°—, Matevina, mikitroka, mikirindro, marihitra, manempotra. Brouillard—. Zavona *matevina*. Cheveux—. Volon-doha *matevina*. Forêt épaisse. Ala *matevina, mikitroka, mikirindro*. Encre épaisse. Ranomainty *marihitra*. Air—. Rivotra *manempotra*. || *loc.* Ténèbres épaisses. Aizim-pito. Des ténèbres épaisses couvrent la terre. Ny *aizim-pito* manarona ny tany. 4° *fig.* Donto, mavesatra. Il a l'intelligence épaisse. *Donto* saina, *mavesa*-tsaina izy.

Épais, *adv.* Matevina. La grêle tombe —. *Matevina* ny filatsaky ny havandra.

ÉPAISSEUR, *sf.* 1° Hatevina, indrakely. Le mur a deux pieds d'—. Roa dia ny *hatevin'* ny rindrina. La planche a deux doigts d'—. Voantondro roa ny *hatevina, indrakelin'* ny hazo fisaka. 2°—, Ny matevina indrindra, fikitroka, fikirindro, harihitra. Il se perdit dans l'—du bois. Very tany an'ala tao amin'*izay matevina indrindra* izy.

ÉPAISSIR, *va.* Manatevina.

S'épaissir, *vpr.* 1° Mihamatevina. 2°—, Mihabe vatana, mivatan'adala, miraikitra. Sa taille s'épaissit. *Mihabe vatana, mivatan'adala* izy. La langue du malade s'épaissit. *Miraikitra* ny lelan' ny marary. 3°—, Mihamarihitra. 4° *fig.* Mihadonto. Son esprit s'épaissit tous les jours. *Mihadonto* saina isan'andro izy.

ÉPAISSISSEMENT, *sm.* 1° Fanatevenana, fihatevina. 2°—, Harihitra.

ÉPANCHEMENT, *sm.* 1° Fisesehana. 2° *fig.* Famborahana, fampisehoana. —de joie. *Fampisehoan*-kafaliana.

ÉPANCHER, *va.* 1° Manidina. —de l'huile. *Manidina* diloilo. 2° *fig.* Mamboraka, mampiseho. —son cœur. *Mamboraka* ny ao am-po. —sa bile. *Mampiseho* hatezerana.

S'épancher, *vpr.* 1° Midina, misesika. Le sang s'est épanché dans la poitrine. *Nisesika* ao amy ny havokavoka ny ra. 2° *fig.* Mamboraka ny ao am-po, miseho.

ÉPANOUI, IE, *p.* et *adj.* 1° Mivelatra, vaky. Rose épanouie. Vonin-draozy *mivelatra*, etc. 2° *fig.* Miramirana. Son visage est—. *Miramirana* endrika izy.

ÉPANOUIR, *va.* 1° Mampivelatra. Le soleil épanouit les fleurs. Ny masoandro *mampivelatra* ny voninkazo. 2° *fig.* Mampahamiramirana. La joie épanouit les visages. Ny hafaliana *mampahamiramirana* ny tarehy.

S'épanouir, *vpr.* 1° Mivelatra, vaky. 2° *fig.* Mihamiramirana.

ÉPANOUISSEMENT, *sm.* 1° Fivelatra, fivelarana. 2° *fig.* Fahamiramiranana.

ÉPARGNANT, ANTE, *adj.* Mitsitsy, matsitsy, mandala, mahihitra.

ÉPARGNE, *sf.* 1° Fitsitsiana, fandalana. Il a beaucoup amassé par ses épargnes. Nahavory be izy noho ny *fitsitsiany, fandalany* harena. 2°—, Izay notsitsina, ny vola sisa tsy lany. Il emploie bien ses épargnes. Entiny manao soa *izay notsitsiny*, etc.

ÉPARGNER, *va.* 1° Mitsitsy, mandala, tsy mandany foana, tsy manao foana, mitandro. Il épargne son argent. *Mitsitsy, mandala, tsy mandany foana* ny volany izy. Épargnez le riz. *Tsitsio* ny vary. Il faut —le temps. *Tsy* azo *lanina foana* ny andro. Ce tailleur épargne l'étoffe. *Tsy mandany foana* ny lamba io mpanjaitra io. —ses pas. *Tsy* mandehandeha *foana*. Il n'épargne pas sa peine. Tsy *mitandro*-hasasarana izy. 2°—, Manafaka, tsy mampanao, tsy manao, mamindra fo, mitsimbina. Épargnez-moi ce travail. *Afaho* amin' izany asa izany aho, *aza mampanao* ahy izany asa izany. Épargnez sa sensibilité. *Aza manao* izay mampalahelo azy. Épargnez les vaincus. *Mamindrà fo* amy ny resy, *mitsimbina* ny resy.

S'épargner, *vpr.* 1° Mitsitsy tena, mitandro hasasarana. Il ne s'épargne pas.

Tsy *mitsitsy tena,* tsy *mitandro hasasarana* izy. 2°—. Manafa-tena, aza. Il s'est épargné bien des inquiétudes. *Afaka* tamy ny ahiahy maro izy. Épargnez-vous cet embarras. *Aza* sahirana amin' izany.

ÉPARPILLEMENT, *sm.* Fanelezana, fampielezana. fielezana, fiely, fanapariahana, fipariahana, fipariaka, fanaparitahana, fiparitahana, fiparitaka, fanahafana, fihahafana, fihahaka.

ÉPARPILLER, *va.* 1° Manely, mampiely, manapariaka, mampipariaka, manaparitaka, mampipa itaka, manahaka, mampihahaka. Le vent a éparpillé tous les papiers. Ny rivotra *nanely,* etc., ny taratasy rehetra. Il éparpille trop ses troupes. *Mampihahaka* loatra ny miaramilany izy. 2° *fig.* Mandany foana, mandany an-tetiny. Il éparpille son argent. *Mandany foana,* etc., ny volany izy.

S'éparpiller, *vpr.* Miely, mipariaka, miparitaka, mihahaka.

ÉPARS, ARSE, *adj.* 1° Miely, mipariaka, miparitaka, mihahaka. Les Juifs sont—dans le monde entier. *Miely,* etc., eran' izao tontolo izao ny Jody. 2°—. Mirakaraka, mihaha. Elle a les cheveux—. *Mirakaraka,* etc., volo izy.

ÉPATÉ, ÉE, *adj.* Petaka. Qui a le nez —. *Petaka* orona.

ÉPAULE, *sf.* 1° Soroka, soro-kena. Il a de larges épaules. Be *soroka* izy. Faites cuire cette—de mouton. Andrahoy io *soroken'* ondry io. 2° *fig.* Hausser les épaules de mépris. Mianjona. Cela me fait hausser les épaules. Mahadikidiky ahy izany. Regarder quelqu'un par-dessus les épaules. Mianjona amin' olona. Donner un coup d'—. Manampy.

ÉPAULER, *va.* 1° Mampipitsoka soroka. Il a épaulé son cheval. *Nampipitsoka* ny *soroky* ny soavaliny izy. 2°—, Manankim-basy amy ny soroka, mikendry. 3° *fig.* Manampy.

ÉPAULETTE, *sf.* Zepoleta.

ÉPAVES, *sf. pl.* Zavatra atsipin' ny ranomasina eny amorony.

ÉPÉE, *sf.* 1° Zepe, sabatra. Mettre l'—à la main. Mandray *sabatra.* Remettre l' —dans le fourreau. Mampidi-*tsabatra* amy ny tranony. Tous les habitants furent passés au fil de l'—. Naripaka tamy ny *sabatra* avokoa ny mponina rehetra. 2°—, Ny raharahan' ny miaramila. Il a pris le parti de l'—. Nilatsaka ho *miaramila* izy. 3° *fig.* Herim-po. Il doit son élévation à son—. Nisondrotra noho ny *herim-pony* izy. C'est un coup d'—dans l'eau. *Herim-po* very foana izany.

ÉPELER, *va.* Manao tsipelina. Épelez ce mot. *Ataovy tsipelina* io teny io.

ÉPELLATION, *sf.* Fanaovana tsipelina.

ÉPERDU, UE, *adj.* 1° Taitra, mivadi-po. 2° —, Matim-pitia, raiki-pitia, lefaka. —d'amour. *Matim-pitia, raiki-pitia, lefaka* amin' olona.

ÉPERDUMENT, *adv.* Mafy, izaitsizy.

ÉPERON, *sm.* 1° Zeprony. 2°—, Fantsy.

ÉPERONNÉ, ÉE, *adj.* 1° Mitondra zeprony. 2°—, Misy fantsy.

ÉPERONNER, *va.* 1° Mamely zeprony. 2° *fig.* Mamporisika.

ÉPERVIER, *sm.* 1° Vorona mitovy amy ny voromahery. 2°—, Karazan-karato.

ÉPHÉMÈRE, *adj.* 1° Tsy maharitra afatsy indray andro. 2° *fig.* Mihelina, mandalo faingana. Bonheur—. Hasambarana *mihelina,* etc.

ÉPHÉMÉRIDES, *sf. pl.* Diary.

ÉPI, *sm.* Salohy.—de blé. *Salohim*-barimbazaha. || *loc.* —de maïs. Babin-katsaka. Riz dont l'—commence à se former. Vary manjozorobe, miambozom-bola.—de cheveux. Lelakomby.

ÉPICE, *sf.* Zava-manitra fanao amy ny nahandro.

ÉPICER, *va.* Manisy *épices.*

ÉPICERIE, *sf.* Zava-manitra fanao amy ny nahandro, na siramamy, tantely, kafé, etc.

ÉPICIER, IÈRE, *s.* Mpivarotra *épicerie.*

ÉPIDÉMIE, *sf.* Areti-mifindra.

ÉPIDÉMIQUE, *adj.* Mifindra. Maladie—. Areti-*mifindra.*

ÉPIDERME, *sm.* Hoditra manify ivelany indrindra.

ÉPIER, *va.* 1° Mitsikilo, mitily. Il épie toutes vos démarches. *Mitsikilo,* etc., izay rehetra ataonao izy. 2° *fig.* —l'occasion pour attaquer quelqu'un. Mihendry mba hamely olona.

S'épier, *vpr.* Mifampitsikilo, mifampitily.

ÉPIERRER, *va.* Manesotra vato amy ny tanimboly.

ÉPIEU, *sm.* Lefona fihazan-dambo.

ÉPIGLOTTE, *sf.* Tampinarany ao amy ny lálan-drivotra.

ÉPIGRAMME, *sf.* Eson teny, faniniana, fanarabiana.

ÉPILATOIRE, *adj.* Mampiongo-bolo, mampihintsam-bolo.

ÉPILEPSIE, *sf.* Androbe.

ÉPILEPTIQUE, *s.* et *adj.* 1° Mararin' ny androbe, anoin' androbe. 2°—, Momba ny androbe.

ÉPILER, *va.* 1° Manongo-bolo, mampiongo-bolo, manintsam-bolo. 2°—, Manongo-bolo fotsy.

S'épiler, *vpr.* Mifanongo-bolo fotsy.

ÉPILOGUER, *vn.* Maniny, mitsongo teny. Il épilogue sans cesse. *Maniny*, etc., lálandava izy.

—, *va.* Maniny —la conduite des autres. *Maniny* ny fitondran-tenan' ny sasany.

ÉPILOGUEUR, *sm.* Mpaniny, mpitsongo teny.

ÉPINARDS, *sm. pl.* 1° Zepinary. 2° *fig.* Epaulette à graine d'—. Zepoleta misy somotr' aviavy.

ÉPINE, *sf.* 1° Tsilo. Couronne d'épines. Fehiloha *tsilo*. Il lui est entré une— dans le pied. Voan' ny *tsilo* ny tongony. 2° *fig.* Ahiahy, fahasahiranana, fahoriana. Tirer à quelqu'un une — du pied. Manafaka olona amy ny *ahiahy, fahasahiranana*. Être sur les épines. Be *ahiahy*, mandry an-driran' antsy. La vie est hérissée d'épines. Feno *fahoriana* ny andro iainantsika. ‖ *loc.* Il n'est pas de roses sans épines. Tsy misy hafaliana tanteraka. — dorsale. Hazon-damosina. taolan-damosina.

ÉPINEUX, EUSE, *adj.* 1° Misy tsilo. Arbre—. Hazo *misy tsilo*. 2° *fig.* Sarotra, be ahiahy, be fahasahiranana. C'est une affaire épineuse. Raharaha *sarotra* izany. Ma situation est fort épineuse. *Be ahiahy, be fahasahiranana* aho amin' izao toetrako izao.

ÉPINGLE, *sf.* 1° Paingotra. 2° *fig.* Être tiré à quatre épingles. Miraratra, miramarama. Tirer son —du jeu. Mahay miala amy ny raharaha sarotra.

ÉPINIÈRE, *adj. f.* Ao amy ny taolan-damosina. Moelle—. Tsokan-*damosina*.

ÉPIPHANIE, *sf.* Epifania.

ÉPISCOPAL, ALE, *adj.* Any ny eveka. Ornements épiscopaux. Fanamian' *ny eveka*.

ÉPISCOPAT, *sm.* 1° Fahandrianan' ny eveka. 2°—, Ny eveka rehetra. 3°—, Andro naha-eveka. Durant son—. Tamy ny *andro naha-eveka* azy.

ÉPISODE, *sm.* Tantara kely fanampy.

ÉPISTOLAIRE, *adj.* Momba ny taratasy ampitondraina.

ÉPITAPHE, *sf.* Soratra amy ny fasana.

ÉPITHÈTE, *sf.* Adjektiva milaza ny toetry ny naona ikambanany.

ÉPÎTRE, *sf.* Epistily, epistola. ‖ Le côté de l'—. Ny ankavian' ny otely.

ÉPLORÉ, ÉE, *adj.* Manao ranomaso havozona, mijoy mitomany.

ÉPLUCHAGE, *sm.* Fitsaikána.

ÉPLUCHEMENT, *sm.* Fitangosana, fivoasana, fanalana kira, fitsaikána.

ÉPLUCHER, *va.* 1° Mitango, mivaofy, manala kira, mitsaika. —des brèdes. *Mitango* anamamy. —des pommes de terre, des haricots. *Mivaofy* ovimbazaha, tsaramaso. —des haricots verts. *Manala kiran*-tsaramaso tanora.—du riz. *Mitsaika* vary. —de la soie. *Mitsaika* landy. 2° *fig* Mandinika ny tsy mety, maniny. Il épluche cet ouvrage. *Mandinika ny tsy mety* amin' io boky io izy.

S'éplucher, *vpr.* (Biby) manesotra loto amy ny tenany, misoitsoitra ny volony. Un singe qui s'épluche. Rajako *manesotra loto amy ny tenany*. Les oiseaux s'épluchent avec leur bec. Ny vorona *misoitsoitra ny volony* amy ny vavany.

ÉPLUCHEUR, EUSE, *s.* 1° Mpitango, mpivaofy, mpanala kira, mpitsaika. 2° *fig.* Mpaniny.

ÉPLUCHURE, *sf.* Hodi-boan-javatra fanary, kirany, tsaikany.

ÉPOINTÉ, ÉE, *adj.* Tapa-doha.

ÉPOINTER, *va.* Manapa-doha zavamaranitra.—un couteau. *Manapaka loha* antsy.

S'épointer, *vpr.* Tapa-doha. Ces aiguilles s'épointent facilement. Mora *tapa-doha* ireo fanjaitra ireo.

ÉPONGE, *sf.* 1° Sponjy. 2° *fig.* Passer l'—sur une faute. Manadino hadisoana.

ÉPONGER, *va.* 1° Manasa amy ny sponjy. —une voiture. *Manasa* kalesy *amy ny sponjy*. 2°—, Mamaoka. Épongez cette encre. *Faohy* io ranomainty io.

ÉPOQUE, *sf.* Andro, fotoana. À l'—du déluge. Tamy ny *andron'* ny safo-drano. C'est l'homme le plus célèbre de notre—. Izy no olona malaza indrindra amy ny *androntsika*. L'— du payement approche. Akaiky ny *fotoana* handoavam-bola. Vous viendrez à cette—. Ho avy hianao amin' izany *andro, fotoana* izany, amin' izay. J'étais élève à cette—. Mpianatra aho tamin' izany *andro* izany, *tamin' izay*. ‖ *loc.* À quelle—? Rahoviana, oviana ? À quelle — viendrez-vous? *Rahoviana*

no ho avy hianao? À quelle — habitiez-vous Paris? *Oviana* no nitoeranao tany Parisy? Faire —. Malaza. Cette bataille le fait — dans sa vie. *Malaza* amy ny andro iainany rehetra izany ady izany.

ÉPOUFFER (S'), *vpr*. S'—de rire. Toran' ny hehy.

ÉPOUILLER, *va*. Mizaha hao.

S'épouiller, *vpr*. Mitsaika hao.

ÉPOUMONER, *va*. Mahaviziam-bava.

S'époumoner, *vpr*. Vaky tenda. Je me suis époumoné à force de crier. *Vaky ny tendako* azon' ny minananana.

ÉPOUSAILLES, *sf. pl*. Fanambadiana, fampakaram-bady. mariazy. Le père assistait aux—. Nanatrika ny *fanambadiana*, etc., rainy.

ÉPOUSE, *sf*. Voy. Époux.

ÉPOUSÉE, *sf*. Ny ampakarina.

ÉPOUSER, *va*. 1° Manambady. Il n'a pas voulu l'—. Tsy nety *nanambady* azy izy. 2° *fig*. Miandany, manaraka, miray. Je n'épouse aucun parti. Tsy *miandany* amin' iza amin' iza aho. Je n'épouse pas son opinion. Tsy *manaraka* ny heviny, tsy *miray* hevitra aminy aho. Je n'épouse pas sa querelle. Ny adiny tsy *iraisako*.

S'épouser, *vpr*. Mivady.

ÉPOUSSETER, *va*. 1° Manesotra vovoka, mamaoka. Époussetez les chaises. *Esory ny vovoka* amy ny sezà, *faohy* ny seza.—un cheval. *Mamaoka* soavaly. 2° *fig*. Mikapoka.—quelqu'un. *Mikapoka* olona.

S'épousseter, *vpr*. Miborosy tena.

ÉPOUVANTABLE, *adj*. 1° Mampatahotra, mahatahotra, mahatsiravina, mampivadi-po. Comme Effroyable. 2° *fig*. Ratsy izaitsizy, izaitsizy.

ÉPOUVANTABLEMENT, *adv*. Izaitsizy.

ÉPOUVANTAIL, *sm*. 1° Kiady fampitahoram-borona. 2° *fig*. Fampitahorana foana.

ÉPOUVANTE, *sf*. Tahotra, fahatsiravina, fivadi-po. Comme Effroi.

ÉPOUVANTER, *va*. Mampitahotra, mampatahotra, mahatsiravina, mampivadi-po. Comme Effrayer.

S'épouvanter, *vpr*. Matahotra, tsiravina, mivadi-po, manam-badi-po.

ÉPOUX, OUSE, *s*. Vady.

—, *sm. pl*. Mpivady.

ÉPREINDRE, *va*. Mamia, mamoritra.

ÉPREUVE, *sf*. 1° Fitsapana, fanandramana, fizahan-toetra. Comme Essai. 2°—, Fahoriana. Il a subi de rudes épreuves. Azo n' ny *fahoriana* mafy izy. ‖ *loc*. Être à l'—de.... Tsy laitra, tsy azo, tsy kivy. Cette cuirasse est à l'—des balles. *Tsy laitry* ny bala io akanjo vy io. Ce chapeau est à l'—de la pluie. *Tsy laitry* ny orana io satroka io. Ce juge est à l'—de l'argent. *Tsy azom*-bola, tsy azo sisiham-bola io mpitsara io. Il est à l'—de la calomnie. *Tsy kivin'* ny fanendrikendrehana izy. Un ami à toute—. Sakaiza mahatoky. Courage à toute—. Herim-po tsy miraika. 3°—, Porofo. Corrigez cette —. Alao diso io *porofo* io.

ÉPRIS, ISE, *adj*. Raiki-pitia, matimpitia, lefaka. Voy. Éperdu.

ÉPROUVÉ, ÉE, *p*. et *adj*. 1° Voatsapa, notsapaina, voandrana, nandramana, voazaha toetra, nozahan-toetra. 2°—, Mahatoky. Ce sont des soldats éprouvés. Miaramila *mahatoky* ireo. 3°—, Azon' ny fahoriana, zoin—. Il a été très—cette année *Azo, nozoim*-pahoriana izy tamin' ity taona ity.

ÉPROUVER, *va*. 1° Mitsapa, manandrana, mizaha toetra. —un canon. *Mitsapa* tafondro. C'est un remède que j'ai éprouvé. Efa *notsapaiko, nandramako* izany fanafody izany. —un domestique. *Mitsapa, mizaha toetra* mpanompo. Dieu éprouva la constance de Job. Andriamanitra *nitsapa, nizaha toetra* ny faharetany Joba. 2°—, Mandre, mahita, mahazo, zoina. On éprouve sur cette montagne un froid rigoureux. *Re* mafy ny hatsiaka amin' ity tendrombohitra ity. J'éprouve une grande joie. *Azon*-kafaliana lehibe aho. Il a éprouvé des revers. *Nahita* loza, *azon*-doza, *nozoin*-doza izy.

S'éprouver, *vpr*. Tsapaina, zahan-toetra.

ÉPUISÉ, ÉE, *p*. et *adj*. 1° Ritra, noritina. 2°—, Reraka, osa, trotraka, ana, kotra. —de faim. *Anan'* ny hanoanana. 3° *fig*. Lany, nolanina, jifa, majifa, najifa, fongana, nofonganana, tapitra. Cette mine d'or est épuisée. *Lany, jifa, majifa, fongana, tapitra* ny volamena rehetra amin' izany tany izany.

ÉPUISEMENT, *sm*. 1° Fandritana. 2° —, Faharerahana, fahosana, fahatrotrahana. Ses études l'ont jeté dans un grand

—. Ny fianarana ela nataony no *nahareraka*, *nahosa* azy. Les veilles l'ont jeté dans l'—. Ny fiaretan-tory *nahareraka*, etc.. azy. 3° *fig*. Fahalaniana, fahajifana, fahataperana.

ÉPUISER, *va*. 1° Mandritra. L'armée a épuisé la fontaine. Ny tafika *nandritra* ny fantsakana. 2°—. Mandreraka, mahareraka, mahosa, mampahosa, mahatrotraka, mahakotra. La maladie l'a épuisé. Ny aretina *nandreraka*, *nahareraka*, *nahosa*, *nampahosa* azy. Cette plante a épuisé le sol. Izany zava-maniry izany *nahakotra* ny tany. 3°—, Mandany, manjifa, mamongana, manapitra. Les soldats ont épuisé leurs cartouches. *Nandany* ny katirijiny ny miaramila. Cette guerre épuisa les finances. *Nahalany*, *nahajifa*, *nahafongana* ny volam-panjakana izany ady izany. Il a épuisé tous les moyens pour le faire changer d'avis. *Nandany* ron-doha, *lany* haika mba hampiova hevitra azy izy. Il a épuisé la matière. *Nanapitra* izay azo lazaina amin' izany hevitra izany izy.

S'épuiser, *vpr*. 1° Ritra, efa ho ritra. 2° —, Mihareraka, mihahosa, mihatrotraka, mihakotra. 3° *fig* Lany, efa ho lany, fongana, efa ho fongana, tapitra, efa ho tapitra, mandany ron doha.

ÉPURATION, *sf*. 1° Fandiovana. 2° *fig*. Fanitsiana.

ÉPURER, *va*. 1° Mandio.—un métal. *Mandio* metaly. 2° *fig*. Manitsy, mahatsara.—le style. *Manitsy* ny laha-teny. —les mœurs. *Manitsy*, etc., ny fitondran-tena.

S'épurer, *vpr*. 1° Mihamadio. Laissez reposer cette liqueur, elle s'épurera. Avelao handry io lalikera io, dia *hihamadio*. L'or s'épure dans le creuset. *Mihamadio* anatin' ny memy ny volamena. 2° *fig*. Mihamahitsy, mihatsara. Les mœurs s'épurent. *Mihatsara* ny fitondran-tena.

ÉQUARRIR, *va*. Manao sokera efa-joro, manao sokera efa-joro mitovy lafy, manao tsy mivadi-mandry. —une pierre. *Manao* vato *sokera efa-joro*. —une glace. *Manao* fitaratra *efa-joro sokera mitovy lafy*. —une poutre. *Manao* sakamandimby *tsy mivadi-mandry*.

ÉQUARRISSAGE, *sm*. Ny haben' ny tsy mivadi-mandry. Cette poutre a un pied d'—. Iray dia no *haben*' io sakamandimby *tsy mivadi-mandry* io.

ÉQUARRISSEMENT, *sm*. Fanaovana efa-joro sokera, fanaovana efa-joro sokera mitovy lafy, fanaovana tsy mivadi-mandry.

ÉQUATEUR, *sm*. Ekoatera.

ÉQUERRE, *sf*. Laikera, sokera. Mis d'—. *Voasokera*, *nosokeraina*. Cette fenêtre n'est pas d'—. *Tsy voasokera* io varavaran-kely io.

ÉQUESTRE, *adj*. Statue—. Sariolona mitaingin-tsoavaly.

ÉQUIANGLE, *adj*. Mitovy zoro.

ÉQUIDISTANT, ANTE, *adj*. Mitovy halavirana.

ÉQUILATÉRAL, ALE, *adj*. Mitovy lafy.

ÉQUILIBRE, *sm*. 1° Fifandanjana, fitovian-danja. Les deux plateaux de la balance sont en—. *Mifandanja*, *mitovy lanja* ny lela mizana roa. 2°—, Fijoroana, fijajirihana. Il se tient bien en —sur la corde. *Mijoro*, *mijajirika* tsara eny ambonin' ny mahazaka izy. 3° *fig*. Fifandanjana.

ÉQUILIBRER, *va*. 1° Mampifandanja, mampitovy lanja. 2°—, Mampijoro, mampijajirika.

S'équilibrer, *vpr*. 1° Mifandanja, mitovy lanja. 2°—, Mijoro, mijajirika.

ÉQUINOXE, *sm*. Andro itovian' ny andro sy ny alina.

ÉQUIPAGE, *sm*. 1° Kalesy mahafinaritra. Il a un bel—. Manana *kalesy mahafinaritra* izy. 2°—, Ny mpiantsambo. Le navire a péri, mais on a sauvé l'—. Rendrika ny sambo, fa voavonjy ny *mpiantsambo*.

ÉQUIPEMENT, *sm*. 1° Fanomezana izay ilaina, fanomanana, fampitaovana. 2°—, Izay ilaina.

ÉQUIPER, *va*. Manome izay ilaina, manomana, mampitao. On a équipé les soldats. *Nomena izay ilainy* ny miaramila. —un navire. *Manomana*, *mampitao* sambo.

S'équiper, *vpr*. 1° Omanina, miomana, mitao, mivonona. 2°—, Manao haingon' adala.

ÉQUITABLE, *adj*. Manaraka ny marina, araka ny marina, araka ny rariny, tsy mizaha tavan' olona, tsy miangatra. C'est un homme—. Olona *manaraka ny marina*, *tsy mizaha tavan' olona*, *tsy miangatra* izy. Il a porté un jugement—. Nitsara *araka ny marina*, *araka ny rariny* izy.

ÉQUITABLEMENT, *adv.* Araka ny marina, araka ny rariny.

ÉQUITATION, *sf.* Fahaizana mitaingin-tsoavaly, fitaingenan-tsoavaly.

ÉQUITÉ, *sf.* Ny marina, ny rariny, tsy fizahan-tavan' olona, tsy fiangarana. Il a suivi les voies de l'—. Nanaraka *ny marina, ny rariny, tsy nizaha tavan' olona, tsy niangatra* izy.

ÉQUIVALENT, ENTE, *adj.* Mitovy, sahala, hoatra, mahasolo.

—, *sm.* Zavatra mitovy, —sahala, —hoatra, —mahasolo. Je vous donnerai l'— de votre emplacement. Homeko *zavatra mitovy, sahala* amy ny tokotaninao. *hoatra, mahasolo* ny tokotaninao hianao.

ÉQUIVALOIR, *vn.* Mitovy, sahala, hoatra, mahasolo. Cette réponse équivaut à un refus. Izany valin-teny izany *mitovy, sahala* amy ny mandá, *hoatra* ny mandá.

ÉQUIVOQUE, *adj.* 1° Roa hevitra, maro hevitra. Mot —. Teny *roa hevitra, maro hevitra.* 2° —, Mampisalasala. Il a fait une réponse—. *Mampisalasala* ny valin-teny nataony.

—, *sf.* Teny roa hevitra, teny maro hevitra. Ne faites pas des équivoques. Aza milaza *teny roa hevitra*, etc.

ÉQUIVOQUER, *vn.* Milaza teny roa hevitra, milaza teny maro hevitra.

ÉRADICATION, *sf.* Fanongotana.

ÉRATER, *va.* Manala áry.

S'érater, *vpr.* Misanehaka azon' ny mihazakazaka.

ÈRE, *sf.* Fiantombohan'ny taona, fanisantaona. La naissance de Jésus-Christ est l'—des chrétiens. Ny nahaterahany Jeso-Kristy no *fiantombohan' ny taona* kristiana.

ÉRECTION, *sf.* 1° Fananganana, fanorenana. 2° *fig.* Fanisiana, fanorenana, fanovana. Voy. ÉRIGER.

ÉREINTER, *va.* 1° Manapa-damosina, mamola—. Ce fardeau va l'—. *Hanapa-damosina*, etc., azy io entana io. 2°—, Manjezika, mandaboka, mandaroka, mamitsoka, mametsaka, manavokavoka. Voy. ASSOMMER. 3° *fig.* Mahatrotraka, manaratsy.

S'éreinter, *vpr.* Trotraka.

ÉRÉMITIQUE, *adj.* Momba ny mpitoka-monina. Il embrassa la vie—. Tonga *mpitoka-monina* izy.

ÉRÉSIPÈLE, *sm.* Aretina misy mivonto manaintaina izaitsizy.

ERGOT, *sm.* 1° Fantsy. — de coq. *Fantsin'* akoholahy. 2° *fig.* Monter sur ses ergots. Mihoatroa-bava.

ERGOTER, *vn.* Mitsongo teny, maninitsiny, miady hevitra foana.

ERGOTEUR, EUSE, *s.* Mpitsongo teny, mpaninitsiny, mpiady hevitra foana.

ÉRIGER, *va.* 1° Manangana, manorina. —une statue. *Manangana* sariolona. — un temple. *Manangana*, etc., trano fivavahana. 2° *fig.* Manisy, manorina, manova. —un évêché. *Manisy* eveka amy ny fari-tany anankiray. Le gouvernement a érigé un tribunal à Tamatave. Ny fanjakana *nanisy* mpitsara, *nanorina* fitsarana any Toamasina. — une église en cathédrale. *Manova* ny trano leglizy ho katedraly.

S'ériger, *vpr.* Mihambo. S'—en savant. *Mihambo* ho mahay.

ERMITAGE, *sm.* 1° Tranon'ny mpitoka-monina. 2° *fig.* Saha mangingina.

ERMITE, *sm.* 1° Mpitoka-monina, ermita. 2° *fig.* Vivre comme un—. Mitoetra irery, mitokana irery, olon-ko azy.

ERRANT, ANTE, *adj.* Mirenireny, mirendrena, miriorio, mivezivezy, mivoivoy. Tribus errantes. Firenena *mirenireny*, etc.

ERRATA, *sm.* Filazana ny diso printy amy ny boky, erata.

ERRER, *vn.* 1° Mirenireny, mirendrena, miriorio, mivezivezy, mivoivoy. — dans la campagne. *Mirenireny*, etc., any an-tsaha. 2° *fig.* Diso hevitra. Il n'y a personne qui ne soit sujet à —. Tsy misy olona tsy mety ho *diso hevitra.*

ERREUR, *sf.* 1° Hadisoan-kevitra, hevidiso, diso. Il s'obstine dans l'—. Mikiribiby amy ny *hadisoan-keviny, hevi-diso* izy. Il y a une—dans cette citation. Misy *diso* amin' ireo teny nalaina ireo. 2°—, *pl.* Faniasiavana, hadisoana. Les erreurs de la jeunesse. Ny *faniasiavana*, ny *hadisoan'* ny tanora.

ERRONÉ, ÉE, *adj.* Diso. Opinion erronée. Hevi-*diso.*

ÉRUCTATION, *sf.* Rezatra.

ÉRUDIT, ITE, *adj.* Mahay.

—, *sm.* Olo-mahay.

ÉRUDITION, *sf.* Fahaizana. Il a beaucoup d'—. Be *fahaizana* izy.

ÉRUPTIF, IVE, *adj.* Misy forofotra, misy votrovotro. Fièvre éruptive. Tazo *misy forofotra*, etc.

ÉRUPTION, *sf.* 1° Firoatra. L'—du

volcan a été précédée d'un tremblement de terre. Nisy horohoron-tany nialoha ny *firoatry* ny volkana. 2°—, Forofotra, votrovotro, voapano. —de la petite-vérole, de la rougeole, de la gâle. *Forofo*-nendra, *forofo*-bonibony, *forofo*-katina. Son corps est couvert d'éruptions cutanées. *Forofotra, mamorofotra, manotrovotro, mivotrovotro* ny tenany.

ESCABEAU, *sm.* Seza bory, akalana.

ESCADRE, *sf.* Andian-tsambo mpiady.

ESCADRON, *sm.* Antoko-miaramila mpitaingin-tsoavaly.

ESCALADE, *sf.* Fanan'hana, fanamiana.

ESCALADER, *va.* Mananika, manamy. La place fut escaladée en plein jour. Antoandrobe no *nananihana* ny tanàna. —une muraille. *Mananika* ampiantany. —une maison. *Manamy* trano.

ESCALE, *sf* Fijanonana kely. Le navire fit —à Tamatave. *Nijanona kely* tao Toamasina ny sambo.

ESCALIER, *sm.* Tohatra, tongo-drihana.

ESCAMOTAGE, *sm.* 1° Fampisehoana hakingan-tànana. 2° *fig.* Fifetsena.

ESCAMOTER, *va.* 1° Mampiseho hakingan-tànana. 2° *fig.* Mangalatra an-kafetsena, mifetsy zavatra, mandidy lamba, mangarom-paosy. Un filou lui escamota sa bourse. Nisy kinga tànana *nifetsy* ny paoketrany.

ESCAMOTEUR, *sm.* 1° Ny kinga tànana. 2° *fig.* Mpifetsy.

ESCAMPETTE, *sf.* Prendre de la poudre d'—. Mandositra, milefa.

ESCAPADE, *sf.* Fanarian-draharaha. Cet élève fait de temps en temps des escapades. *Manary* fianarana indraindray io mpianatra io.

ESCARGOT, *sm.* Sifotra.

ESCARMOUCHE, *sf.* Adiady.

ESCARMOUCHER, *vn.* Miadiady.

ESCARPÉ, ÉE, *adj.* Mideza. Chemin —. Làlana *mideza.*

ESCARPEMENT, *sm.* Fideza.

ESCARPIN, *sm.* Kiraro an-trano, kiraro solia.

ESCARPOLETTE, *sf.* Antsavily.

ESCIENT (À BON), *loc. adv.* Fanahy iniana, iniana, an-tsitra-po. Il a fait cela à bon —. *Fanahy iniana,* etc., no nanaovany izany.

ESCLANDRE, *sm.* Fanafintehinana, tabataba.

ESCLAVAGE, *sm.* 1° Fahandevozana, fanandevozana. Délivrer quelqu'un de l'—. Manafaka olona amy ny *fahandevozana.* Réduire en—. *Manandevo,* mahavery. Ils ont tous été réduits en—. *Nandevozina, very* izy rehetra. ‖ *loc.* Personne prise à la guerre et réduite en —. Sambotra. 2° *fig.* Fanandevozana. L'—des passions. Ny *fanandevozan'* ny filan-dratsy.

ESCLAVE, *s.* et *adj.* 1° Andevo, mpanompo, ankizy, sambotra. Faire la traite des esclaves. Mamarina *andevo. sambotra.* ‖ *loc.* —dont la famille était autrefois libre ou noble. Zazahova. —né dans la famille. Ompikely. Une jeune — de choix. Tsongavavy. Esclaves privilégiés qu'on ne peut vendre. Valala fiandry fasana. 2° *fig.* Andevo, tsy mivadika. Il est — de son ventre. *Andevon'* ny tendany izy. On est — dans cet emploi. *Mahandevo* izany raharaha izany. Il est — de sa parole. *Tsy mivadika* ny teny napetrany izy.

ESCOMPTE, *sm.* Famoizam-bola kely ho any ny mpandoa vola, raha mandoa alohan' ny fotoana.

ESCOMPTER, *va.* Mamoy vola kely ho any ny mpandoa vola raha mandoa alohan' ny fotoana.

ESCORTE, *sf.* 1° Andia-miaramila manatitra. On lui donna cent hommes d'—. Nomena *miaramila* zato lahy *hanatitra* azy izy. 2°—, Mpanaraka, mpanatitra. Deux aides-de-camp lui faisaient —. Deká roa lahy *nanaraka, nanatitra* azy.

ESCORTER, *va.* Manaraka, manatitra.

ESCOUADE, *sf.* Andia-miaramila vitsivitsy, sokajy.

ESCRIME, *sf.* Fianarana ady sabatra. Il apprend l'— Mianatra *ady sabatra* izy.

ESCRIMER (S'), *vpr.* Mikely aina, mikezaka, mandany ron-doha. Il s'escrime à fabriquer une machine. *Mikely aina,* etc., mamorona milina izy.

ESCROC, *sm.* Mpangalatra an-kafetsena, mpifetsy.

ESCROQUER, *va.* Mangalatra an-kafetsena, mifetsy.

ESCROQUERIE, *sf.* Fifetsena.

ESPACE, *sm.* 1° Elanelana, halalaka, halehibe, halavirana, hahelana. Il y a un grand—entre la maison et le chemin. Misy *elanelanelana* lehibe hiany hatramy ny trano ka hatramy ny làlana. Il

y a trop d'— entre les lignes. Be *elanelana, malalaka* loatra ny andalan-tsoratra. Il n'y a pas assez d'—dans la maison pour contenir cent personnes. Tsy mahalany olona zato ny *halalaka, halehiben'* ny trano. Quel — y a-t-il d'ici au palais ? Hoatrinona no *elanelana, halaviran'* ny eto ka hatrany amy ny rova? Il s'est écoulé un grand — de temps depuis la création du monde jusqu'à la naissance de Notre-Seigneur. Nisy *elanelana* ela hatramy ny nahariana an'izao tontolo izao, ka hatramy ny nahaterahan' ny Tempontsika. Il arriva après un long —de temps. Tonga izy nony afaka *elaela*. || *loc.* Dans l'— de.... Mandritra.... Voilà ce qu'il a fait dans l'— de six mois. Indro ny nataony *mandritra* ny enim-bolana. 2° —, Habakabaka. La terre roule dans l'—. Mihodinkodina ao anatin' ny *habakabaka* ny tany.

ESPACÉ, ÉE, *p.* et *adj.* Nasiana elanelana, misy elanelana, mahalana, malalaka. Les arbres sont trop espacés. Be *elanelana* loatra, *mahalana* loatra ny hazo.

ESPACEMENT, *sm.* Elanelana. L'— des colonnes n'est pas égal. Tsy mitovy ny *elanelan'* ny andry.

ESPACER, *va.* Manisy elanelana, manao mahalana, manao malalaka. Ce compositeur n'espace pas bien les mots. Io mpandaha-dohavy io tsy *manisy elanelana* tsara amy ny teny. Espacez davantage les lignes. *Ataovy mahalana,* — *malalaka* kokoa ny andalan-tsoratra.

ESPAGNE, *sf.* Spaina, Hispania.

ESPAGNOLETTE, *sf.* Karazan-kidimbaravaran-kely.

ESPÈCE, *sf.* 1° Karazana, toetra. Le chien est de tous les animaux celui dont l'— est la plus variée. Ny alika no mare *karazana* indrindra amy ny biby rehetra. Il a acheté des marchandises de toute—. Nividy entam-barotra isan-*karazana* izy. Il y avait des gens de toute—. Nisy olona samihafa *karazana,* etc., tao. || *loc.* Quelle — d'homme? Olona inona? Quelle—d'homme nous avez-vous amené? *Olona inona* re ity nentinao aty aminay? 2°—, *pl.* Vola. Verser des espèces. Mandoa *vola.* 3°—, Endrika, tarehy. Notre-Seigneur est caché sous les espèces du pain et du vin. Saronan' ny *endrika,* ny *tarehin'* ny mofo sy ny divay Jeso-Kristy Tompontsika.

ESPÉRANCE, *sf.* Fanantenana, toky. Il est déçu de ses espérances. Diso *fanantenana* izy. Dieu est mon unique —. Andriamanitra irery no *fanantenako, tokiko, ilokiako.* Perdre—. Manary *toky.*

ESPÉRER, *va.* Manantena, matoky. Il espère une récompense. *Manantena* valisoa izy. J'espère qu'il viendra bientôt. *Manantena* aho fa ho avy haingana izy.. J'espère en votre justice. Ny fahamarinanao no *ilokiako.*

ESPIÈGLE, *adj.* et *s.* Mpihetraketraka.

ESPIÈGLERIE, *sf.* Hetraketraka.

ESPINGOLE, *sf.* Bosy.

ESPION, ONNE, *s.* Mpitsikilo, mpitily, tily, mpitaratra, mpizaha taratra, drakadraka. L'—a été fusillé. Voatifitra ny *mpitsikilo, mpitily, mpitaratra, mpizaha taratra.* La police emploie des espions. Ny polisy maniraka *mpitsikilo, mpitily, drakadraka.*

ESPIONNAGE, *sm.* Fitsikiloana, fitiliana, fizahan-taratra.

ESPIONNER, *va.* Mitsikilo, mitily, mitaratra, mizaha taratra. —les ennemis. *Mitsikilo,* etc., ny fahavalo. Prenez garde à vous, on vous espionne. Tandremo, fa misy *mitsikilo, mitily* anao.

ESPLANADE, *sf.* Tokotanibe, tany lemademaka.

ESPOIR, *sm.* Fanantenana, toky. Comme ESPÉRANCE.

ESPRIT, *sm.* 1° Fanahy. Dieu est un —. *Fanahy* Andriamanitra. Les Anges sont de purs esprits. *Fanahy* fotsiny hiany ny Anjely. L'—est prompt et la chair est faible. Marisika ny *fanahy,* fa osa ny nofo. Le malin—. Ny *fanahy* ratsy, ny demony. Si mon corps est ici, je suis en — au milieu de vous. Ny tenako be no aty, fa ny *fanahiko* ao aminareo. || *loc.* Rendre l'—. Miala aina. 2°—, Matoatoa, angatra, lolo. Il a peur des esprits. Matahotra ny *matoatoa* izy. Évoquer les esprits. Mamoha *angatra.* —malfaisant qui habite dans l'eau. *Lolon*-drano. 3°—,Saina, hafaingan̈an-tsaina, fahiratan-tsaina, fahatsiarovana. Cultivez votre—. Ampiasao ny *sainao.* Il a l'—vif. Haingan-*tsaina* izy. Il a beaucoup d'—. Be *saina* izy. Il a l'—fécond. Mahaforon-javatra ny

sainy. Il a l'—net. Mahita mazava ny *sainy*. Il a beaucoup d'—, mais il n'a point de jugement. *Haingan-tsaina, mahira-tsaina* hiany izy, nefa tsy mahay mandanja zavatra. Les mauvaises lectures lui ont gâté l'—.Ny famakiamboky ratsy nanimba ny *sainy*. Il a perdu l'—. Very *saina* izy. Le passé lui revient à l'—.Mahatsiaro ny lasa ny *sainy*. Il fut longtemps, après sa chute, avant que de reprendre ses esprits. Nony potraka izy, ela vao *nahatsiaro* tena. Calmer les esprits. Mampionona ny *sain'* ny olona. 4°—, Olona. C'est un—mutin. *Olona* maditra izy. 5°—, Fahaizana, fitiavana, hevitra, fanao. Il a l'—des affaires. *Mahay* mitondra raharaha izy. Il a l'—du commerce. *Mahay* mivarotra izy. Il a l'—de corps. *Tia* fikambanana izy. Il est parti sans—de retour. Lasa ka tsy *te*-hiverina intsony izy. Il a mauvais —.Ratsy ny *heviny*. Il n'a pas fait cela dans cet—. Tsy izany no *hevitra* nanaovany izany. Ce n'est pas là l'—de cette compagnie. Tsy izany no *fanaon'* izany fikambanana izany. Vous n'avez pas saisi l'—de ce verset. Tsy azonao ny *hevitr'* izany andininy izany. 6°—, *pl.* Alokola, laodivý.— de vin. *Alokola.* Les esprits sont en baisse. Mihem-bidy ny *alokola, laodivý*.

ESQUIF, *sm.* Lakana, lakan-drafitra kely.

ESQUINANCIE, *sf.* Comme Angine.

ESQUISSE, *sf.* 1° Ambangovangon-tsary. 2° *fig.* Ambangovangom-boky. Faire l'—d'un ouvrage. *Mamangovango* boky.

ESQUISSER, *va.* Mamangovango.—une figure. *Mamangovango* sarin-tarehy.

ESQUIVER, *va.* 1° Misoroka.—un coup de pierre. *Misoroka* vato. 2°—. Mihodivitra, mibisioka, mibolidy. —quelqu'un. *Mihodivitra, mibisioka* olona.— une corvée. *Mihodivitra, mibolidy* amy ny fanompoana.

S'esquiver, *vpr.* Mihodivitra, mibisioka, mibolidy.

ESSAI, *sm.* Fitsapana, fanandramana, fanoharana, fizahana toetra. J'ai fait l'—de cette machine. Efa *notsapaiko, nandramako* izany milina izany. J'ai pris ce cheval à l'—. Efa noraisiko *hotsapaina, hozahana toetra* izany soavaly izany. Faire l'— d'un remède. *Mitsapa, manandrana* fanafody.

ESSAIM, *sm.* 1° Renitantely iray dia mifindra. 2° *fig.* Betsaka. Des essaims de sauterelles couvraient les collines. Nisy valala *betsaka* nanarona ny tanety.

ESSAYER, *va.* Mitsapa, manandrana, manohatra, mizaha toetra. —une plume. *Mitsapa, manandrana* lola penina. —un habit. *Mitsapa, manohatra* akanjo. —un cheval. *Mitsapa, mizaha toetra* soavaly.

—, *vn.* 1° Manandrana, mianatra. Il essaie de marcher. *Manandrana, mianatra* mamindra izy. 2°—, Mikely aina, manao izay tratry ny aina. Il a essayé de me persuader. *Nikely aina,nanao izay tratry ny ainy* izy mba hitarika ahy.

S'essayer, *vpr.* Manandrana, mianatra. Il s'essaie à nager. *Manandrana, mianatra* milomano izy.

ESSENCE, *sf.* 1° Ny maha-izy, tena, fomba, zavatra tsy azo avela. Quelle est l'—de l'homme? Inona no *maha*-olona ny olona? L'—divine est une. Ny *tena*, ny *fomban'*Andriamanitra dia iray hiany. Ces paroles sont de l'—du sacrement du baptême. Ireo teny ireo no *maha*-sakramenta ny batemy, *tsy azo avela* amy ny batemy. 2°—, Ilo, ranomanitra. —de rose. *Ilom*-bonin-draozy. Il se parfume avec des essences. Mihosotra *ranomanitra* izy.

ESSENTIEL, ELLE, *adj.* Maha-izy, tsy azo avela, tsy maintsy. La raison est essentielle à l'homme. Ny saina no *maha*-olona ny olona. C'est une chose essentielle au contrat. Zavatra *tsy azo avela* amy ny fanaikena izany. Il est—de l'en prévenir. *Tsy maintsy* holazaina aminy izany.

—, *sm.* Tena, ventiny, zavatra lehibe indrindra, — tsy azo avela. — tsy maintsy hatao. Voilà l'—de l'affaire. Izany no *tena* raharaha, *ventin*-draharaha, izany no *zavatra lehibe indrindra*,etc., amin' izany raharaha izany.

ESSENTIELLEMENT, *adv.* Araka ny maha-izy.

ESSIEU, *sm.* Lahin-tangerina.

ESSOR, *sm.* 1° Fisondrotana, fisondrotra. L'oiseau prend son —. *Misondrotra* ny vorona. 2° *fig.* Fisondrotana, fisondrotra, fandrosoana, fitomboana, fanaranam-po. L'orateur prend son—. *Misondrotra* ny hevitry ny mpandaha-teny. Les arts prirent leur—. *Nandroso, nitombo* ny fahaizana samihafa. Ce jeune homme a pris son—. *Manarampo* io tovolahy io.

ESSORILLER, *va.* 1° Manakoro. — un chien. *Manahoro* alika. 2° *fig.* Mambory volo.

ESSOUFFLÉ, ÉE, *p.* et *adj.* Sempotra, misanehaka, miehakehaka.

ESSOUFFLEMENT, *sm* Fahasemporana, fisanehaka, fiehakehaka.

ESSOUFFLER, *va.* Mahasempotra, mampisanehaka, mampiehakehaka. La course l'a essoufflé. Ny hazakazaka *nahasempotra*, etc., azy.

S'essouffler, *vpr.* Sempotra, misanehaka, miehakehaka.

ESSUIE-MAIN, *sm.* Lamba famaohantánana.

ESSUYÉ, ÉE, *p.* 1° Voafaoka, nofaohana. 2° *fig.* Noleferina, mahazo, manjó.

ESSUYER, *va.* 1° Mamaoka. Essuyez cette table. *Faohy* io latabatra io. 2° *fig.* Maharitra miaritra, mandefitra, azo, zoina. Il a essuyé le feu de l'ennemi. *Naharitra* ny tifitra nafitsoky ny fahavalo izy. Il a essuyé bien des affronts. *Niaritra, nandefitra* fanesoana betsaka izy. Il a essuyé une rude tempête. *Azon'* ny taflodrivotra mafy izy. Il a essuyé bien des malheurs. *Azo, nozoim*-pahoriana maro izy. ‖ *loc.*—les larmes de quelqu'un. Manala alahelo olona.

S'essuyer, *vpr.* Mamaoka tena.

EST, *sm.* Atsinanana. Le vent vient de l'—. Avy any *atsinanana* ny rivotra. Aller vers l'—. *Miantsinanana.*

ESTAFETTE, *sf.* Mpanatitra taratasy, tetezan' olona.

ESTAMPE, *sf.* Sary natonta.

ESTAMPER, *va.* Manonta. Voilà une image bien estampée. Izany no sary tsara *tonta.*

ESTAMPILLE, *sf.* Fitomboka.

ESTAMPILLER, *va.* Manisy fitomboka. J'ai fait — tous mes livres. Nasaiko *nasiana fitomboka* avokoa ny bokiko rehetra.

ESTIMABLE, *adj.* Mendrika hatao ho zavatra. C'est un homme —. Lehilahy *mendrika hatao ho zavatra* izy. C'est un livre —. *Mendrika hatao ho zavatra* io boky io.

ESTIMATEUR, *sm.* Mpanombana.

ESTIMATIF, *adj. m.* Fanombanana.

ESTIMATION, *sf.* Fanombanana.

ESTIME, *sf.* Fanaovana ho zavatra. Il a pour lui une grande—. *Ataony ho zavatra* tokoa izy. La musique est en grande — chez ce peuple. *Ataon'* izany firenena izany *ho zavatra* loatra ny hira.

ESTIMER, *va.* 1° Manombana. Les héritiers ont fait — la maison. Ny mpandova *nampanombana* ny trano. Combien estimez-vous ce cheval? Hoatrinona no *anombananao* io soavaly io? 2°—, Manao ho zavatra. On estime fort cet homme-là. *Atao ho zavatra* loatra io lehilahy io. J'estime sa vertu. *Ataoko ho zavatra* ny hatsaram-panahiny. On estime les chevaux arabes par-dessus tous les autres. Ny soavaly arabo no *atao ho zavatra* kokoa noho ny soavaly rehetra. 3° —, Manao ho. Il estimait cette place imprenable. *Nataony ho* tsy azo alaina izany tanána izany.

S'estimer, *vpr.* 1° Manao ny tenany ho zavatra. Souvent on s'estime trop. Matetika ny olona *manao ny tenany ho zavatra* loatra. 2°—, Mifanao ho zavatra. 3° —, Manao ny tenany ho.... Il s'estime moins que les autres. *Manao ny tenany ho* ambanin' ny namany izy.

ESTOC, *sm.* Loha sabatra. Voy. TAILLE.

ESTOMAC, *sm.* Ambavafó, vavony. Son —ne digère pas. Tsy mahalevon-kanina ny *ambavafóny.* Mal d'—. Aretin'*ambavafó*, — ny *vavony.* Il lui donna un coup de poing dans l'—. Namely totohondry azy tao *ambavafóny* izy.

ESTRADE, *sf.* Lampihazo. Le trône était placé sur une—. Natao tao ambonin' ny *lampihazo* ny fiketrahana.

ESTROPIÉ, ÉE, *p. adj.* et *s.* 1° Malemy, tapa-tsandry, tapa-tánana, maty tánana, tapa-tongotra, tapa-pe. Il est—d' un bras. *Tapa-tsandry, maty tánana* ankila izy. 2° *fig.* Tsy tononina tsara, tsy soratana tsara, novana.

ESTROPIER, *va.* 1° Mahalemy, manapa-tsandry, manapa-tánana, etc. 2° *fig.* Ratsy fanonona, ratsy fanoratra, manova. Il estropie les mots. *Ratsy fanonona, fanoratra* ny teny izy. — un passage. *Manova* teny nalaina.

ET, *conj.* Sy, ary, ka, sady . . . . no. . . . Le feu—l'eau. Ny afo *sy* ny rano. Il saisit le voleur—l' attacha. Nisambotra ny mpangalatra izy *ary, ka* namatotra azy. Il est bon—sage. Tsara fanahy *sy, ary* hendry izy, *sady* tsara fanahy izy *no* hendry.

Et cœtera, *sm.* Sy ny sisa, sy ny toy izany, ekisterá, etsetra.

ÉTABLE, *sf.* Tranon'omby, fisoko. Notre-Seigneur est né dans une—. Jesó-Kristy teraka tao anaty *tranon' omby,*

Faites entrer les brebis dans l'—. Ampidiro ao am-*pisoko* ny ondry.

ÉTABLI, *sm.* Latabatra fandrafetankazo.

ÉTABLI, IE, *p.* et *adj.* 1° Natao, voaorina, naorina, tafaorina, miorina. 2° *fig.* Napetraka, tafapetraka, mipetraka, naka fonenana, miorim-ponenana, miorin-dasy, nasiana, napetraka amy ny raharaha, nahazo raharaha, nampanambadina, manam-bady. 3°—, Voaforona, noforonina, naorina, miorina, natao. 4°—, Nohamarinina, voaporofo, noporofoina, naharihary, miharihary, nampianarina, voafetra, noferana. 5°—, Arahina, inoana.

ÉTABLIR, *va.* 1° Manao, manorina. —les fondements d'un édifice. *Manao* fanorenan-trano. Il a établi son camp près de la ville. *Nanorin*-dasy akaikin' ny tanàna izy. 2° *fig.* Mametraka, manisy, mametraka amy ny raharaha, mampanambady. On a établi une garnison à Solary. *Nametrahana, nasiana* mponina ány Solary. Le gouvernement a établi un tribunal à Tamatave. *Nametrahana, nasian'* ny fanjakana mpitsara any Toamasina. On a établi un télégraphe à Tananarive. *Nasiana* telegrafy eto Antananarivo. Ce ministre a établi ses amis. *Napetrak'* io ministra io *amy ny raharaha* ny sakaizany. —sa fille. *Mampanambady* ny zanany vavy. 3°—, Mamorona, manorina, manao. —un collège. *Mamorona, manorina* kolejy. Il a établi une nouvelle religion. *Namorona, nanorina* fivavahana vaovao izy. Il a établi de nouvelles lois. *Nanao* lalána vaovao izy. 4°—, Manamarina, manaporofo, mampiharihary, mampianatra, mametra. Il a bien établi ce fait historique. *Nanamarina, nanaporofo, nampiharihary* tsara izany tantara izany izy. Il a bien établi sa réputation. *Miharihary* ny lazany. —de nouvelles opinions. *Mampianatra* hevitra vaovao. Il a bien établi la question. *Nametra* tsara ny zavatra dinihina izy.

S'établir, *vpr.* 1° Maka fonenana, miorim-ponenana, miorin-dasy, mipetraka, manambady. Il s'est établi à Tananarive. *Naka fonenana, niorim-ponenana, nipetraka* any Antananarivo izy. Le général s'établit sur la colline. *Niorin-dasy* ao amy ny havoana ny jeneraly. Il songe à s'—. Mikasa *hanambady* izy. 2° —, Misisika. Il s'établit juge du différend. *Nisisika* mba hitsara ny ady izy. 3°—, Foronina, aorina, orenana, miorina. Une imprimerie s'est établie en ville. *Namoronana, nanorenana, nasiana* fanaovam-printy ao an-tanána. Un empire s'établit dans ce pays. Nisy fanjakana *niorina* tao amin' izany tany izany. 4° —, Arahina, inoana. Cette doctrine s'établit. *Arahina, inoana* izany fampianarana izany.

ÉTABLISSEMENT, *sm.* 1° Fanorenana. 2° *fig.* Fametrahana, fanisiana, fametrahana amy ny raharaha, fampanambadiana. 3°—, Famoronana, fanorenana, fanaovana. 4°—, Fanamarinana, fanaporofoana, fampihariharìana, fampianarana, famerana. 5°—, Trano fampianarana, — fitsaboana, — fiasana, etc.

ÉTAGE, *sf.* 1° Rihana. Il loge au premier—. Mitoetra ao amy ny *rihana* voalohany izy. C'est une maison à trois étages. Trano misy *rihana* telo, *rihana* telo miantoana io. 2° *fig.* Toetra. Ce sont des gens de bas—. Olona ambany *toetra* ireto.

ÉTAGÈRE, *sf.* Toeran' entana, talantalana. Mettez les assiettes sur l'—. Ataovy ao amy ny *toeran' entana,* etc., ny lovia.

ÉTAI, *sm.* Tohana. Mettez des étais à cette muraille. Asivy *tohàna, tohano* io rindrina io.

ÉTAIN, *sm.* Fira-potsy.

ÉTALAGE, *sm.* 1° Famelarana entam-barotra, entam-barotra voavelatra. 2° *fig.* Fampisehoana, haingo. Elle fait — de ses joyaux. *Mampiseho* ny firavany izy. Quel—! *Haingo* re izany!

ÉTALER, *va.* 1° Mamelatra entam-barotra. 2°—, Mamelatra. —une carte de géographie. *Mamelatra* sarin-tany. 3° *fig.* Mampiseho. Il aime à — son esprit. Tiany ny *mampiseho* ny fahiratan-tsainy.

S'étaler, *vpr.* 1° Mivelatra. 2°—. Mivalandótra. Il est tombé, et s'est étalé par terre de tout son long. Potraka izy, ka *nivalandótra* tery.

ÉTALON, *sm.* 1° Lahin-tsoavaly. 2°—, Mari-pandrefesana tanan' ny fanjakana, mari-pamarana—, mari-pandanjana—.

ÉTALONNAGE ou **ÉTALONNEMENT,** *sm.* Fanisiana marika amy ny fandrefesana,— famarana,— fandanjana.

ÉTALONNER, *va.* Manamarika fandrefesana,— famarana,— fandanjana.

ÉTALONNEUR, *sm.* Mpanao raharaham-panjakana manamarika ny fandrefesana,— famarana,— fandanjana.

ÉTAMAGE, *sm.* Fanosorana fira-potsy.
ÉTAMER, *va.* Manosotra fira potsy. — une casserole. *Manosotra fira-potsy* kaseroly.
ÉTAMEUR, *sm.* Mpanosotra fira-potsy.
ÉTAMINE, *sf.* Lahim-boninkazo.
ÉTAMURE, *sf.* Fira-potsy ahosotra.
ÉTANCHEMENT, *sm.* Fanampenana.
ÉTANCHER, *va.* 1° Manampina. Cette poudre étanche le sang. *Manampina* ny ra izany vovoka izany. 2°—, Manala. — la soif. *Manala* hetaheta.
S'étancher, *vpr.* Tampina, mitsahatra. Le sang s'est étanché. *Tampina, nitsahatra* ny ra.
ÉTANG, *sm.* Kamory.
ÉTAPE, *sf.* 1° Vohitra fandrian' ny miaramila mandeha. 2°—. Ny dia afaky ny miaramila indray andro.
ÉTAT, *sm.* 1° Toetra. Mes affaires sont en mauvais—. Ratsy ny *toe*-draharahako. L'armée est en bon—. Tsara ny *toetry* ny tafika. On doit s'habiller selon son—. Samy tokony hitafy araka ny *toetrany.* ‖ *loc.* Il est en — de péché mortel. Manam-pahotana mahafaty izy. Être en—de.... Mahazo, maha... La place n'est pas en—de résister. Tsy *mahazo* manohitra, tsy *maha*tohitra ny tanána. Mettre en—. Mampiomana, mampivonona. Il mit la place en—de défense. *Nampiomana, nampivonona* ny tanàna mba hiaro tena izy. —de siège. Fiambenana mafy atao amy ny tanána anankiray. 2°—, Raharaha. Il remplit bien les devoirs de son état. Manatanteraka tsara ny tsy maintsy hataony amy ny *raharahany* izy. 3° —, Fanoratana, soratra. Dresser l'—des dépenses *Manoratra*, mandatsaka an*tsoratra* ny lany. Registres de l'—civil. Rejistra *fanoratana* ny teraka, ny fanambadiana, ny maty. Officier de l'—civil. Mpanao raharaham-panjakana *manoratra* ny teraka, ny fanambadiana, ny maty. 4°—, Fanjakana. Troubler l'—. Mampikorontana *fanjakana*. C'est un homme d'—. Lehilaby mahay mitondra *fanjakana* izy C'est un—monarchique. *Fanjakana* misy mpanjaka io. 5° *fig.* Affaire d'—. Raharaha be vava.
ÉTAT-MAJOR, *sm.* Manamboninahitra maromaro miadidy antoko-miaramila iray lehibe.
ÉTAU, *sm.* Vahoho.
ÉTAYEMENT, *sm.* Fanohanana.
ÉTAYER, *va.* Manohana.
S'étayer, *vpr.* Misy tohana, miankina.
ÉTÉ, *sm.* Fahavaratra.
ÉTEIGNOIR, *sm.* Famonoan-jiro.
ÉTEINDRE, *va.* 1° Mamono. — une bougie. *Mamono* jiro. —le feu. *Mamono* afo. 2° *fig.* Manaketraka, manalefaka, mampihena, mampitony, mampiononа, mampitsahatra, manapitra. —l'ardeur de la fièvre. *Manaketraka, manalefaka, mampihena* ny fangotrakotraky ny tazo. Ce mot éteignit son courroux. Izany teny izany *nanaketraka, nampitony, nampiononа* ny hatezerany Il a éteint la rébellion. *Nampitsahatra* ny fikomiana izy. Il a éteint sa dette. *Nanapitra* ny trosany izy.
S'éteindre, *vpr.* 1° Efa ho faty, maty. Le feu s'éteint. *Efa ho faty* ny afo. 2° *fig.* Mihaketraka, mihamalefaka, mihena, mitony, miononа, mitsahatra, tapitra. 3°—, Efa ho faty, maty, lany taminganа. Elle s'éteignit doucement entre les bras de ses enfants. *Maty* tsimoramora tao ampelatánan' ny zanany izy. Cette famille est près de s'—. Madiva ho *lany tamingana* izany fianakaviana izany.
ÉTEINT, EINTE, *p.* et *adj.* 1° Maty, novonoina. 2° *fig.* Ketraka, malefaka, mihena, voatony, mitony, nampiononina, mionona, mitsahatra, tapitra. 3°—, Maty, lany taminganа, malemy dia malemy, Voix éteinte. Feo *malemy dia malemy.*
ÉTENDARD, *sm.* 1° Saina. Arborer un —. Manangan-*tsaina.* 2° *fig.* Se ranger sous l'—de la croix. Miandany amy ny hazo-fijaliana. Suivre l'—de quelqu'un. Miandany amin' olona. Lever l'—de la révolte. Mikomy.
ÉTENDRE, *va.* 1° Mamelatra, mampivalandótra, manatsingadina, manampatra, manatsotra, manavalampatra. —son manteau par terre. *Mamelatra* ny kapaotiny amy ny tany. — les ailes. *Mamelatra* elatra. —quelqu'un sur une table. *Manatsingadina, manampatra* olona ambonin' ny latabatra. On étendit Jésus-Christ sur la croix. *Namparina* teo ambonin' ny hazo-fijaliana Jeso-Kristy. — ses bras. *Manampa*-tsandry. — la jambe. *Manatsotra* tongotra. — les jambes en étant assis sur une natte. *Mivalampatra.* 2°—, Manely, manitatra, manosotra. — du riz sur une natte. *Manely* vary amy ny tsihy. —son armée. *Manitatra* ny laharan' ny tafiny. — du beurre sur du pain. *Manosotra* dibera

ny mofo. 3° *fig.* Manitatra, mampiely. Il a étendu son jardin. *Nanitatra* ny zaridainy izy. — le sens d'un mot. *Manitatra* ny hevitry ny teny anankiray.

S'étendre, *vpr.* 1° Mivelatra, mivalandótra, miampatra, mitsotra. S'—sur l'herbe. *Mivalandótra, mitsingadina, mitsotra* ambonin' ny ahitra. 2°—, Miely, mitatra, mihanaka. Une tache d'huile s'étend peu à peu. *Mitatra* tsikelikely ny voan' ny solika. L'encre s'étend sur la table. *Mihanaka* eo ambonin' ny latabatra ny ranomainty. 3° *fig.* Mitatra, manitatra ny taniny, miely. Le royaume s'étend jusqu'à la mer. *Mitatra* hatramy ny ranomasina ny fanjakana. Il s'est étendu du côté de l'est. *Nitariny* niantsinanana ny *tokotaniny*. Sa réputation s'étend partout. *Miely* ha'raiza hatraiza ny lazany. 4°—, Maharitra, mihoatra, mahatazan-davitra, re lavitra. Il s'étend trop sur ce sujet. *Maharitra* ela loatra amin' izany zavatra izany izy. La vie de l'homme ne s'étend guère au delà de cent ans. Saika mandrakariva tsy *mihoatra* zato taona ny andron' ny olona. D'ici la vue s'étend très loin. *Mahatazan-davitra* dia lavitra oto. Sa voix s'étend très loin. *Re lavitra* dia lavitra ny feony.

ÉTENDU, UE, *p* et *adj.* 1° Voavelatra, novelarina, mivelatra, navalandótra, mivalandótra, natsingadina, mitsingadina, naampatra, namparina, miampatra, natsotra, mitsotra, navalampatra, mivalampatra. 2°—, Naely, miely, voaitatra, nitarina, mitatra, voahosotra, nohosorana, mihosotra. 3° *fig.* Voaitatra, nitarina, mitatra. 4°—, Lehibe, lava, betsaka, lavitra. Son empire est très—. *Lehibe* dia lehibe ny fanjakany. Son récit est très—. *Lava* dia lava ny tantara nataony. Il a des connaissances très étendues. Mahay zavatra *betsaka* izy. La vue est ici fort étendue. Mahatazana *lavitra* dia lavitra oto.

ÉTENDUE, *sf.* 1° Halehibiazana, halavana. C'est une plaine d'une grande—. Tany lemaka *lehibe* dia lehibe izany. Cette rivière a une longue—. *Lava* dia lava izany renirano izany. 2° *fig.* Halehibiazana, halavana, habetsahana, fahatakarana. Il reconnut alors l'—de sa misère. Tamin' izay dia nahalala ny *halehibiazan'* ny fahoriany izy. Ce discours a trop d'—. *Lava* loatra izany laha-teny izany. La vie de l'homme est d'une—bien bornée. Tsy *lava* loatra ny andro ainan' ny olona. C'est un esprit d'une grande—. Olona mahay zavatra *betsaka* izy. Il a une voix d'une grande—. *Mahatakatra* avo dia avo sy ambany dia ambany ny feony.

ÉTERNEL, ELLE, *adj.* 1° Hatrizay hatrizay ary mandrakizay mandrakizay, tsy misy fiandohana sy fiafarana. Dieu seul est—. Andriamanitra irery no *hatrizay hatrizay ary mandrakizay mandrakizay,* etc. 2°—, Mandrakizay, —doria, —alaovalo, —antaranoana. La vie éternelle. Ny fiainana *mandrakizay,* etc. 3°—, Maharitra ela, lava. C'est une guerre éternelle. *Maharitra ela, lava* izany ady izany.

—, *sm.* Andriamanitra.

ÉTERNELLEMENT, *adv.* 1° Hatrizay hatrizay ary mandrakizay mandrakizay. 2°—, Mandrakizay. —doria, —alaovalo, — antaranoana. 3° —, Mandrakariva, ela.

ÉTERNISER, *va.* 1° Mampaharitra mandrakizay. Ses victoires ont éternisé son nom. Ny fandresena nataony *nampaharitra* ny anarany *mandrakizay.* 2°—, Manela, mampaharitra ela. — la guerre. *Manela,* etc., ny ady.

S'éterniser, *vpr.* 1° Mampaharitra mandrakizay ny fahatsiarovana azy. 2°—, Maharitra ela.

ÉTERNITÉ, *sf.* 1° Tsy fisiam-piandohana sy fiafarana. 2°—. Ny mandrakizay. L'—bienheureuse. Ny hasambarana *mandrakizay.* Il ne songe point à l'—. Tsy mihevitra ny *mandrakizay* izy. 3°—, Hahelana. Cette affaire durera une —. Haharitra *ela* izany raharaha izany.

ÉTERNUER, *vn.* Mievina.

ÉTERNÛMENT, *sm.* Evina.

ÉTHER, *sm.* Etera, ody torana.

ÉTHÉRÉ, ÉE, *adj.* Misy etera.

ÉTINCELANT, ANTE, *adj.* Manjelajelatra, mamirapiratra. Un diamant—. Diamondra *manjelajelatra,* etc.

ÉTINCELER, *vn.* Manjelajelatra, mamirapiratra. Il y a des étoiles qui étincellent plus que d'autres. Misy kintana *manjelajelatra,* etc., noho ny sasany.

ÉTINCELLE, *sf.* Kilalaon' afo, pik' afo. Une — peut causer un embrasement. *Kilalaon' afo,* etc., iray monja ampy hahatonga ny haintrano.

ÉTINCELLEMENT, *sm.* Fanjelajelatra, famirapiratra.

ÉTIOLEMENT, *sm.* Hafohatra, karerahana, hahiazana.

ÉTIOLER, *va.* Mahafohatra, maharera-ka, mankahia.

S'étioler, *vpr.* Mihafohatra, mihareraka, mihamahia. Les plantes s'étiolent dans l'obscurité. *Mihafohatra* ny zava-maniry raha ao amy ny maizina.

ÉTIQUE, *adj.* Mahia, kaozatra, kangoa-za, tsy volon-komana, raiki-tampisaka.

ÉTIQUETER, *va.* Mamataka soratra amin-javatra hilazana ny karazany na ny vidiny.

ÉTIQUETTE, *sf.* 1° Soratra apetaka amin-javatra hilazana ny karazany na ny vidiny. 2°—, Fomba fanao ao akaikin' ny mpanjaka, fomba fanajana. C'est l'— de la cour. *Fomba fanao ao akaikin' ny mpanjaka* izany. Il connaît l'—. Mahay ny *fomba fanajana* izy.

ÉTIRER, *va.* Mitarika, mandroritra. — du cuivre. *Mitarika* varahina. —du linge. *Mandroritra* lamba.

S'étirer, *vpr.* 1° Taritina, roritina. 2°—, Miezaka.

ÉTOFFE, *sf.* 1° Lamba. —de soie. *Lamba* lasoa. 2° *fig.* Fahafainganan-tsaina. Il y a de l'—dans cet écolier. *Haingan-tsaina* io mpianatra io.

ÉTOILE, *sf.* 1° Kintana. L'— du berger. Ny *kintana* fitarikandro. —filante. Tain-*kintana*, fantara. Étoffe parsemée d'étoiles. Lamba feno *kintankintana*. || *loc.* Coucher à la belle—. Mandry eny alatrano, — ankalamanjana. 2° *fig.* Vintana. Il est né sous une heureuse—. Tsara *vintana* izy.

ÉTOILÉ, ÉE, *adj.* 1° Misy kintana. 2° *fig.* La voûte étoilée. Ny lanitra.

ÉTOLE, *sf.* Samboadin'ny pretra, etoly.

ÉTONNAMMENT, *adv.* Mahagaga, izaitsizy. Cet enfant profite—. Maroroka *izaitsizy* io zazalahy io.

ÉTONNANT, ANTE, *adj.* Mahagaga.

ÉTONNEMENT, *sm.* Figagana. Être ravi d'—. *Gaga* dia gaga.

ÉTONNER, *va.* Mahagaga, mahataitra. Sa mort a étonné tout le monde. *Nahagaga*, etc., ny olon-drehetra ny nahafatesany.

S'étonner, *vpr.* Gaga, taitra. Je m'étonne que vous soyez son ami. *Gaga* aho, raha misakaiza aminy hianao. Il ne s'étonne de rien. Tsy *lai*-javatra na inona na inona izy.

ÉTOUFFANT, ANTE, *adj.* Manempotra, mahasempotra. Chaleur étouffante. Hafanana *manempotra*, etc.

ÉTOUFFÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Voakenda, nokendaina, sempotra, nosemporina. 2°—, Novonoina, maty, nosimbana, simba. 3° *fig.* Voatsindry, notsindriana, resy, noresena, voafolaka, nofolahina, natsahatra, mitsahatra.

ÉTOUFFEMENT, *sm.* Hasemporana.

ÉTOUFFER, *va.* 1° Manakenda, manenda, manempotra. —un oiseau. *Manakenda, manenda* vorona. Cette nourrice en dormant a étouffé son enfant. *Nanempotra* ny zanany io mpitaiza io raha natory ka nahafaty azy. 2°—, Mamono, manimba. Étouffez cette braise. *Vonoy* io vainafo io. Les mauvaises herbes étouffent le riz. Ny ahi-dratsy *manimba* ny vary. 3° *fig.* Manindry, mandresy, mamolaka, mampitsahatra. Je ne saurais — ma douleur. Tsy azoko *tsindriana* ny alaheloko. — ses mauvais penchants. *Mandresy, mamolaka* ny fitongilanan-dratsiny. — une révolte. *Mampitsahatra* fikomiana.

—, *vn.* 1° Sempotra. J'étouffe de chaud. *Sempotry* ny hafanana aho. 2° *fig.* Il étouffe de rire. Toran' ny hehy izy.

ÉTOUPE, *sf.* Reniben-drongony, vorovoro-drongony, hoto.

ÉTOUPER, *va.* Manentsina amy ny hoto.—un bateau. *Manentsin*-tsambo *amy ny hoto*. S'—les oreilles. *Manentsin*-tsofina amy ny landihazo.

ÉTOURDERIE, *sf.* Hamaivanan-doha.

ÉTOURDI, IE, *p.* et *adj.* 1° Marenina, jenjina, fanina, mangintsina. 2° *fig.* Taitra, very hevitra, sanganehana. 3°—, Malefaka, ketraka, very dia.

—, *adj.* et *s.* Maivan-doha, manidintsidina, tanora fanahy.

À l'étourdie, *loc. adv.* Kitoatoa.

ÉTOURDIMENT, *adv.* Kitoatoa.

ÉTOURDIR, *va.* 1° Maharenina, mahajenjina, mahafanina, mampangintsina. Le bruit du canon étourdit. *Maharenina* ny fipoaky ny tafondro. Il lui donna sur la tête un coup de bâton qui l'étourdit. Nasiany ny langilangy ny lohany ka *jenjina, fanina* izy. Il m'étourdit les oreilles de ses plaintes. *Mampangintsina* ny sofiko ny fitarainany. 2° *fig.* Mahataitra, mahavery hevitra, mahasanganehana. La mort de son père l'a étourdi. *Nahataitra, nahavery hevitra, nahasanganehana* azy ny nahafatesan-drainy. 3°—, Manalefaka, manaketraka, manary dia, mamery dia. Ce remède ne

guérit pas, il ne fait qu'—la douleur. Tsy mahasitrana izany fanafody izany, fa *manalefaka, manaketraka* fotsiny ny fangirifiriana. Il va à la promenade pour — sa douleur. Mitsangantsangana mba *hanary dia, hamerivery dia* ny alahelony izy.

S'étourdir, *vpr*. Manary dia, mamery dia.

ÉTOURDISSANT, ANTE, *adj*. 1° Maharenina, mampangintsina. Ces cloches sont étourdissantes. *Maharenina, mampangintsin*-tsofina izato feon-dakolosy. 2° *fig*. Mahataitra, mahavery hevitra, mahasanganehana. C'est une nouvelle étourdissante. Zava-baovao *mahataitra*, etc., izany.

ÉTOURDISSEMENT, *sm*. 1° Hajenjenana, hafanina. Il lui a pris un—. *Jenjina, fanina* izy. 2° *fig*. Hatairana, haverezan-kevitra, hasanganehana.

ÉTOURNEAU, *sm*. 1° Karazam-borona. 2° *fig*. Olona tanora fanahy.

ÉTRANGE, *adj*. Hafahafa, mahagaga, hafa fandry. Il y a des coutumes bien étranges dans ce pays-là. Misy fanao *hafahafa, mahagaga* amin' izany tany izany. Cela est—. *Mahagaga* izany. C'est un homme —. Olona *hafahafa, hafa fandry* izy.

ÉTRANGEMENT, *adv*. 1° Mahagaga, izaitsizy.

ÉTRANGER, ÈRE, *adj*. 1° Avy amy ny tany hafa, hafa, momba ny vahiny. Ce sont des coutumes étrangères. Fanao *avy amy ny tany hafa* izany. Il est allé en pays—. Lasa nankany amy ny tany *hafa* izy. Les gouvernements étrangers. Ny fanjakana *hafa*. Ministre des affaires étrangères. Lehiben' ny mpanao rahararaha amy ny *vahiny*. 2°—, Tsy miray, tsy mahay, tsy mifanaraka, hafa. Il est— à la révolte. *Tsy miray* amy ny mpikomy izy. Il est — à la peinture. *Tsy mahay* manoso-doko izy. C'est une dissertation étrangère au sujet. *Tsy mifanaraka* amy ny foto-teny izany fandinihana izany. Combiner du plomb avec une substance étrangère. Mampifangaro firaka amy ny zavatra *hafa*. Les plaies se rouvrent quand il y est resté des corps étrangers. Manonitra indray ny fery raha misy zavatra *hafa* ao anatiny.

—, *s*. 1° Olona avy amy ny tany hafa, vahiny. Il a épousé une étrangère. Nanambady vehivavy *avy amy ny tany hafa* izy. Les étrangers sont bien reçus en France. Raisina tsara ny *vahiny* any Frantsa. 2°—, Olon-kafa, olon-ko azy. Il repousse toute sa famille et ne voit que des étrangers. Manary ny fianakaviany izy ka tsy mahita afa-tsy *olon-kafa* intsony. Il n'est pour moi qu'un—. *Olon-ko azy* izaho sy izy. 3°—, Tany hafa. Il fait passer des marchandises à l' —. Mampitondra varotra amy ny *tany hafa* izy. Il est passé à l'—. Nifindra any amy ny *tany hafa* izy.

ÉTRANGETÉ, *sf*. Hahafahafa.

ÉTRANGLÉ, ÉE, *p*. et *adj*. 1° Voakenda, nokendaina, kenda, voatraoka, notraohina. 2° *fig*. Netena loatra, ety, tery, nohakelezina loatra, kely. Cette allée est étranglée. *Ety, tery* io arabendalana io. Le corps de la guêpe est—vers le milieu. *Kely* andilana ny takolapanonitra.

ÉTRANGLEMENT, *sm*. 1° Fanakendana, fahakendana, fanatraohana. 2° *fig*. Haety, hakely.

ÉTRANGLER, *va*. 1° Manakenda, manenda, manakenda, manatraoka. Les voleurs l'ont étranglé. Ny tontakely *nanakenda, nanenda, nanatraoka* azy. Un os l'a étranglé. Nisy taolana anankiray *nanenda, nahakenda* azy. 2° *fig*. Manety loatra, manakely loatra. Vous avez étranglé le corsage de cette robe. *Nanakely loatra* ny tenan' io zipo io hianao.

—, *vn*. Kenda. Au secours, j'étrangle ! Vonjeo aho, fa *kenda !*

S'étrangler, *vpr*. 1° Manakenda tena, kenda. 2°—, Mifanakenda, mifanenda, mifanatraoka.

ÊTRE, *v*. *substantif* et *auxiliaire*. 1° Est renfermé dans le substantif, le pronom, l'adjectif, le verbe, le participe, l'adverbe, la préposition. Il est le père de cet enfant. Izy no rain' io zaza io. C'est moi. Izaho no izy. Ce livre est à moi. Ahy io boky io. Dieu est bon. Mazava fo Andriamanitra. C'est vrai. Marina izany. Il est mort. Maty izy. Il est arrivé. Tonga izy. Le juste est aimé de Dieu. Tian' Andriamanitra ny olo-marina. C'est moi qui l'ai dit. Izaho no nilaza izany. Il est là-haut. Any ambony any izy. Quelle heure est-il ? Amy ny firy izao ? Il est deux heures. Amy ny roa. Il est de cette société. Ao amin' izany fikambanana izany izy. Mon village est près du vôtre. Akaikin' ny anao ny tanànako. 2°—, Misy, teraka, avy, natao,

nosoratana. Il est des hommes qui pensent ainsi. *Misy* olona mihevitra izany. Il est de Paris. *Teraka* tany Parisy izy. Ce vin est d'Italie. *Avy* any Italia io divay io. Ce tableau est d'un homme habile. *Nataon*'ny lehilahy mahay io sary io. Cette épitre est de Saint Paul. *Nosoratany* md. Paoly io epistola io. ‖ *loc.* Je suis d'avis que.... Izao no hevitro. Je suis pour lui. Miandany amin'y aho. Je suis pour cette opinion Manaraka izany hevitra izany aho. Dieu est pour nous. Miaro antsika Andriamamanitra. Où en êtes-vous de votre ouvrage? Tonga hatraiza hianao amy ny boky ataonao? Où en est l'affaire? Manao ahoana ny toe-draharaha? Il en est pour son argent. Lany foana ny volany. etc.

ÊTRE, *sm.* 1° Zavatra. L'homme est un —intelligent. *Zavatra* manan-tsaina ny olona. ‖ *loc.* L'—suprême. Andriamanitra. 2°—, Fisiana. Donner l'—.*Mampisy.* mahary.

ÉTRÉCIR, *va.* Manety. manakely, mampihemotra. — un chemin. *Manety. manakely* lálana. Il a fait—son habit.*Nampanakely* ny akanjony izy.

S'étrécir, *vpr.* Mihaety. mihakely, mihemotra. En cet endroit la rivière s'étrécit. *Mihaety, mihakely* ny renirano raha mby ao Cette étoffe s'étrécira au blanchissage. *Hihemotra* izany lamba izany. raha sasana.

ÉTRÉCISSEMENT, *sm.* Fanetena. haety. fanakelezana, hakely, fampihemorana. fihemotra.

ÉTREINDRE, *va.* 1° Mangeja. mangehy. mangia. — une gerbe. *Mangeja*,etc., ambearam-bary. 2°—. Mamihina. Il l'étreignit fortement. *Namihina* azy mafy izy.

S'étreindre, *vpr.* Mifamihina.

ÉTREINTE, *sf.* 1° Fangejana. fangehezana. fangiazana. 2° —, Famihinana, fifamihinana.

ÉTRENNE, *sf.* 1° Jaka. Je vous donne cela pour—. Ity no ataoko *jakanao.* 2°—, Santatra. fanantarana.

ÉTRENNER, *va.* Manantatra. C'est moi qui ai étrenné ce marchand. Izaho no *nanantatra* ny varotr' io mpivarotra io. Vous étrennerez ma voiture. *Hanantatra* ny kalesiko hianao.

ÉTRIER, *sm.* 1° Fitoeran-tongotry ny mpitaingin-tsoavaly. 2° *fig.* Avoir le pied à l'—. Tongotra mby an-dakana. Perdre les étriers. Very hevitra, sanganehana. Être ferme sur ses étriers. Tsy mety resy lahatra, — kivy.

ÉTRILLE, *sf.* Fihogon-tsoavaly.

ÉTRILLER, *va.* 1° Manogo soavaly. 2° *fig.* Mamely, mikapoka, mamoapoaka, manaratsy.

ÉTRIPER, *va.* Manala taovany. — un veau. *Manala taovan*-janak'omby anankiray.

ÉTRIQUÉ, ÉE, *adj.* Ety, tery. Habit —. Akanjo *ety, tery.*

ÉTRIVIÈRE, *sf.* Anja-koditra fihantonan' ny *étrier.* Donner les étrivières. Mamely amy ny *anja-koditra* ; *fig.* manivaiva. manala baraka.

ÉTROIT, OITE, *adj.* 1° Ety, tery. kely. kely lambanana. Chemin—. Lálana *ety, tery. kely.* Étoffe étroite. Lamba *kely lambanana.* 2°*fig* Kely Il a un esprit—. *Kely* saina izy. 3°—, Mafy, fatratra. Il y a entre eux une amitié étroite. Mifankatia *mafy,* etc., izy ireo.

À l'étroit, *loc. adv.* 1° Amy ny fitoerana ety. Vous êtes logé fort à l'—. Mitoetra amy ny trano *ety* loatra hianao. 2° *fig.* Être à l'—. Sahirana amy ny fivelomana, tery—, poritra —.

ÉTROITEMENT, *adv.* 1° Amy ny fitoerana ety. 2°*fig.* Mafy, fatratra. Ils se tenaient — embrassés. Nifamihina *mafy* izy ireo. On lui a — défendu. Norarana *mafy* izy.

ÉTROITESSE, *sf.* 1° Haety, hakely. 2° *fig.* Hakely.

ÉTUDE, *sf.* 1° Fianarana. Il aime l'—. Tia *fianarana* izy. 2°—, Fandinihana. Il fait l'—d'un chemin de fer. *Mandinika* ny hanaovana ny lalam-by izy.

ÉTUDIANT, *sm.* Mpianatra. — en médecine. *Mpianatra* ho dokotera.

ÉTUDIÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Nianarana. 2°—,Nianarana tsy an-jery. 3°—,Voadinika, nodinihina. 4°—, Tanteraka, tontosa, nokalína. lavorary. C'est un tableau bien —. *Tanteraka*, etc., tsara izany sary izany. 5°—, Midoladola, mitihintihina, mitikintikina, midihindihina, jenitra, miangolangola, miangentsana, miangeso. Voy. AFFECTÉ.

ÉTUDIER, *va.* 1° Mianatra. —l'histoire. *Mianatra* ny tantara. 2° —, Mianatra tsy an-jery. —une leçon. *Mianatra tsy an-jery* fianarana. 3°—, Mandinika. —un projet. *Mandinika* zavatra ka-

saina hatao. Étudiez cet homme. *Diniho* io olona io.
—, *vn.* Mianatra. Il étudie jour et nuit. *Mianatra* andro aman' alina izy.
S'étudier, *vpr.* 1° Mikely aina, manao izay tratry ny aina, mikezaka. Il s'étudie à faire du mal. *Mikely aina,* etc., mba hanao ratsy izy. 2°—, Mandinika ny tenany.
ÉTUI, *sm.* Fitoerana, trano. — de chapeau. *Fitoeran*-tsatroka. —à violon. *Fitoeran*-dokanga. — à aiguilles. *Fitoerana. tranom*-panjaitra.
ÉTUVE, *sf.* Trano fievohana.
ÉTYMOLOGIE, *sf.* Ny ihavian' ny teny.
EUCALYPTUS, *sm.* Bilogoma, hazo kinina.
EUCHARISTIE, *sf.* Eokaristia.
EUCHARISTIQUE, *adj.* Momba ny Eokaristia.
EUCOLOGE, *sm.* Boky fivavahana.
EUNUQUE, *sm.* Eonoka.
EUPHONIE, *sf.* Fanamorana ny fanononana.
EUPHONIQUE, *adj.* Manamora ny fanononana.
EUROPE, *sf.* Eoropa.
EUROPÉEN, ENNE, *s.* et *adj.* Eoropeana, vazaha.
EUX, *pl. m.* du *pron. pers.* lui. Izy ireo. Ce sont — qui ont commencé le combat. *Izy ireo* no nanomboka ny ady.
ÉVACUANT, ANTE, *adj.* Mampivalana, mampandeha, mamoaka.
ÉVACUATION, *sf.* 1° Fivalanana, fandehanana, fivoahana. 2°—, Fandaozana, fialana, fivoahana.
ÉVACUER, *va.* 1° Mampivalana, mampandeha, mamoaka Voici un remède pour—la bile. Indro fanafody *mampandeha, mamoaka* ny ranon' afero, *mampivalana.* 2° —, Mandao, miala, mivoaka. L'ennemi a évacué la place. *Nilaozana, nialan'* ny fahavalo ny tanàna. Faites — la salle. Asaovy *mivoaka* ao an-trano ny olona.
S'évacuer, *vpr.* 1° Mandeha, mivoaka. 2°—, Ilaozana, ialana.
ÉVADER (S'), *vpr.* Mandositra, milefa. Les prisonniers se sont évadés. *Nandositra, nilefa* ny tao an-tranomaizina.
ÉVAGATION, *sf.* Fihahakahafan-kevitra.
ÉVALUATION, *sf.* Fanombanana, faminavinana.
ÉVALUER, *va.* Manombana, maminavina. À combien évaluez-vous cette perte? Hoatrinona no *anombananao, aminavinanao* izany fatiantoka izany ?
S'évaluer, *vpr.* Tombanana, vinavinaina.
ÉVANGÉLIQUE, *adj.* Amy ny Evanjely, araka ny Evanjely. Doctrine—. Fampianaran' *ny Evanjely.*
ÉVANGÉLIQUEMENT, *adv.* Araka ny Evanjely.
ÉVANGÉLISER, *va.* Mitory ny Evanjely.
ÉVANGÉLISTE, *sm.* Evanjelista, mpanoratra ny Evanjely.
ÉVANGILE, *sm.* Evanjely, filazantsara. ‖ *loc.* Le côté de l'—. Ny ankavanan' ny otely.
ÉVANOUI, IE, *adj.* 1° Torana. 2°—, Mandalo, mihelina.
ÉVANOUIR (S'), *vpr.* 1° Torana. Elle s'évanouit souvent. *Torana* matetika izy. 2°—, Mandalo, mihelina. La gloire du monde s'évanouit en un moment. *Mandalo, mihelina* vetivety foana ny voninahitr' izao tontolo izao.
ÉVANOUISSEMENT, *sm.* Fahatoranana.
ÉVAPORATION, *sf.* 1° Fanjariana ho fofona, — ho etona, fahalevonan-ko fofona. 2° *fig.* Hamaivanan-doha.
ÉVAPORÉ, ÉE, *adj.* Levon-ko fofona. —, *adj.* et *s.* Maivan-doha, tanora fanahy. C'est un cerveau—. *Maivan-doha,* etc., izy.
ÉVAPORER, *va.* Mampanjary ho fofona,—ho etona. La chaleur évapore *ou* fait—l'eau. Ny hafanana *mampanjary ho fofona, ho etona* ny rano.
S'évaporer, *vpr.* 1° Manjary ho fofona, —ho etona, levon-ko fofona. Ce qu'on distille s'évapore bien vite. Ny zavatra sitilina *manjary ho fofona, ho etona* faingana. Le camphre s'évapore. *Levonko fofona* ny kamifaoro. 2° *fig.* Misava, mitsahatra. Sa colère s'évapore. *Misava, mitsahatra* ny hatezerany.
ÉVASÉ, ÉE, *adj.* Be vava. Verre —. Gilasy *be vava.* Il a le nez —. *Be vavá* orona izy.
ÉVASEMENT, *sm.* Haben' ny vava.

ÉVASER, *va.* Manao be vava. Évasez davantage ce tuyau. *Alaovy be vava* kokoa io fantsona io.

S'évaser, *vpr.* Mihabe vava.

ÉVASIF, IVE, *adj.* Vilana. Réponse évasive. Valy *vilana.*

ÉVASION, *sf.* Fandosirana, filefana.

ÉVÊCHÉ, *sm.* 1° Fari-tany fehezin' ny eveka. 2° —. Fiandrianan' ny eveka. 3° —, Lapan' ny eveka.

ÉVEIL, *sm.* Filazana, fampahatsiarovana, fitandremana. C'est lui qui m'en a donné l' —. Izy no *nilaza* izany tamiko, *nampahatsiaro* ahy izany. Être en —. *Milandrina.*

ÉVEILLÉ, ÉE, *p. adj.* et *s.* 1° Nofohazina, mahatsiaro. 2° —, Mariadriaka, mailaka. Vous êtes bien —aujourd'hui. *Mariadriaka* loatra hianao anio. C'est un garçon bien —. Zazalahy *mailamailaka* izy.

ÉVEILLER, *va.* 1° Mamoha, mampifoha, mampahatsiaro. Quand il est endormi, on ne saurait l'—. Tsy azo *fohazina* izy, raha matory. Le moindre bruit l'éveille. Feon-javatra mikorontana ke'y foana ampy *hampahatsiaro* azy. 2° *fig.* Mampahariadriaka, mampahamailamailaka. 3° —, Miteraka, mampi .... Cela éveille l'envie. *Miteraka* fialonana, *mampi*alona izany.

S'éveiller, *vpr.* Mahatsiaro.

ÉVÉNEMENT, *sm.* 1° Zavatra miseho. C'est un — important. *Zavatra* lehibe *miseho* izany. 2° —, Fiafarana. Cette affaire a eu un—heureux. Tsara ny *niafaran'* izany raharaha izany. Préparez-vous à tout— Zakao izay *hiafaran'* izany. ‖ *loc.* Faire —. Manaitra. Son apparition fit —. *Nanaitra* ny olona ny nisehoany.

ÉVENTAIL, *sm.* Fikopaka.

ÉVENTÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Lefy, afa-pofona. 2° *fig.* Fantatra.

—, *adj.* et *s.* Maivan-doha, tanora fanahy. C'est un —. *Maivan-doha,* etc., izy.

ÉVENTER, *va.* 1° Mikopaka. 2° *fig.* Mahafantantra. Il a éventé le complot. *Nahafantatra* ny teti-dratsy izy. —la mine. *Mahafantatra* ny nokasaina hatao.

S'éventer, *vpr.* 1° Mikopaka ny tenany. Il s'évente avec un mouchoir. *Mikopaka ny tenany* amy ny mosara izy. 2° —, Mihalefy, afa-pofona. Ce vin s'est éventé. *Nihalefy* izany divay izany. Les parfums s'éventent aisément. Mora *afa-pofona* ny zava-manitra.

ÉVENTRER, *va.* 1° Mitory (pour les bœufs), mandoatra tsinay, manala tsinay. —un bœuf. *Mitory* omby. —un mouton, un poisson. *Mandoatra tsinain'* ondry, *manala tsinain*-kazandrano. 2° *fig.* Mamaky. Éventrez ces caisses. *Vakio* ireo kesika ireo.

ÉVENTUALITÉ, *sf.* Ny zavatra tonga sendrasendra, fiafarana. Il est préparé à toutes les éventualités. Zakany izay *hiafaran'* izany.

ÉVENTUEL, ELLE, *adj* Sendrasendra. Profits éventuels. Tombony *sendrasendra.*

ÉVENTUELLEMENT, *adv.* Sendrasendra.

ÉVÊQUE, *sm.* Eveka.

ÉVERTUER (S'), *vpr.* Mikely aina, manao izay tratry ny aina, mikezaka. Il s'est évertué pour se tirer de la misère où il était. *Nikely aina,* etc., izy mba hiala amy ny fahantrana nanjo azy.

ÉVICTION, *sf.* Fanalana.

ÉVIDEMMENT, *adv.* An-karihary.

ÉVIDENCE, *sf.* Fiharihary. Se rendre à l'—. Manaiky izay *miharihary.* Mettre en—. *Mampiharihary.*

ÉVIDENT, ENTE, *adj.* Miharihary. C'est une fausseté évidente. Hevi-diso *miharihary* izany.

ÉVINCER, *va.* Manala, manesotra. Il a été évincé de cette maison par jugement. *Nalan'* ny mpitsara taminy io trano io. On l'a évincé de cette place. *Nesorina* tamin' izany raharaha izany izy.

ÉVITER, *va.* Mandositra, misoroka, mihodivitra, mibolidy, mibisioka, manao izay tsy . . . , aza. —les mauvaises compagnies. *Mandositra* ny naman-dratsy. —un coup de pierre. *Misoro*-bato.—une corvée. *Mandositra* fanompoana, *mihodivitra, mibolidy* amy ny fanompoana.—quelqu'un. *Mihodivitra, mibisioka* olona. J'évite de le rencontrer. *Manao izay tsy* hifanenaka aminy aho. Évitez de lui déplaire. *Aza manao izay* hahasosotra azy. Évitez de lui parler. *Aza* miteny aminy.

S'éviter, *vpr.* Mifampihodivitra, mifanao izay tsy hifanenana.

ÉVOCATION, *sf.* Fiantsoana, famohazana.

ÉVOLUTION, *sf.* 1° Famindrana. Faire exécuter des évolutions militaires. *Mampamindra* miaramila. 2°—, Fivelarana, fivelatra, fivaky. L'—des feuilles hors des

bourgeons. Ny *fivelatra*, ny *fivakin'* ny ravina ao amy ny tsimony.

ÉVOQUER, *va*. Miantso, mamoha.—les esprits. *Mamoha* angatra.

EX, *prép*. Taloha, teo aloha, fahiny. Ex-ministre. Ministra *taloha*, etc.

EXACT, ACTE, *adj*. 1° Tsy diso, tsy diso fotoana. Il a été—au rendez-vous. *Tsy diso* tamy ny fotoana natao izy. Il est—dans ses payements. *Tsy diso fotoana* amy ny fandoavam-bola izy. 2°—, Marina, tsara. Il a fait le compte—des dépenses. *Marina* ny nanatontaliany ny lany. Ce récit est—. *Marina* izany tantara izany. Il a fait une recherche exacte des faits. Namotopototra *tsara* ny zavatra niseho izy. ‖ *loc.* Les sciences exactes. Ny fahaiza-marika.

EXACTEMENT, *adv*. 1° Araka ny fotoana, amim-pitandremana. 2°—, Marina, tsara.

EXACTEUR, *sm*. Mpihinam-bahoaka, mpiharaka. Les exacteurs méritent d'être châtiés. Mendrika hofaizina ny *mpihinam bahoaka*, etc.

EXACTION, *sf*. Fihinanam-bahoaka, fiharahana.

EXACTITUDE, *sf*. 1° Fitandremana. Il apporte une grande—à tout ce qu'il fait Manao ny zavatra rehetra amim-*pitandremana* lehibe izy. 2° —, Hamarinana. Il y a—dans le calcul. *Marina* ny nanaovana ny marika.

EXAGÉRATEUR, TRICE, *s*. Mpampitombo, mpanitatra.

EXAGÉRATION, *sf*. Fampitomboana, fanitarana.

EXAGÉRÉ, ÉE, *p*. et *adj*. Nampitomboina, nitarina, be loatra, diso ohatra. Récit—. Tantara *nitarina*. Louanges exagérées. Fiderana *be loatra, diso ohatra*.

—, *s*. Mpampitombo zavatra. Les exagérés sont des fous. Adala izay *mampitombo* filaza *zavatra*.

EXAGÉRER, *va*. Mampitombo, manitatra. Il exagère les vertus de son ami. *Mampitombo* filaza ny hatsaram-panahin'ny sakaizany izy. Il exagère l'énormité de ce crime. *Mampitombo* ny halehibiazan' izany heloka izany izy.

S'exagérer, *vpr*. Mampitombo ao an-tsainy. Il s'exagère son malheur. *Mampitombo ao an-tsainy* ny fahoriany izy.

EXALTATION, *sf*. 1° Fananganana, fanandratana. J'étais à Rome le jour de l'—du Pape. Tany Roma aho tamy ny andro *nananganana* ny Papa. L'—de la sainte croix. Ny *fanandratana* ny hazo-fijaliana. 2°—, Hafanam-po izaitsizy, firehitra —. Il parle avec —. *Mafana fo izaitsizy, mirehidrehitra izaitsizy* izy raha miteny.

EXALTÉ, ÉE, *p. adj*. et s. 1° Nankalazaina, noderaina. 2°—, Mafana fo izaitsizy, mirehitra —, mientana —, taitra—, mirehidrehitra tsy amy ny antony. C'est un—, il a la tête exaltée. *Mirehidrehitra tsy amy ny antony* izy.

EXALTER, *va*. 1° Mankalaza, midera. Il exalte son ami. *Mankalaza*, etc., ny sakaizany izy. 2°—, Manafana izaitsizy, mampirehitra —, mampientana—, manaitra —, mampirehidrehitra tsy amy ny antony. Ce discours a exalté les auditeurs. *Nanafana, nampirehitra, nampientana, nanaitra izaitsizy* ny fon'ny mpihaino izany laha-teny izany. Cette lecture exalte l'imagination. *Manaitra* ny saina *izaitsizy* izany famakian-teny izany. Il travaillait à — les esprits. Nikely aina mba *hampirehidrehitra* ny fon'ny olona *tsy amy ny antony* izy.

S'exalter, *vpr*. 1° Mankalaza tena, midera tena. 2°—, Mafana fo izaitsizy, mirehitra—, mientana—, taitra—, mirehidrehitra tsy amy ny antony.

EXAMEN, *sm*. 1° Fanadinana, fitsapam-pahaizana. On fait des examens chaque année dans les collèges. Misy *fanadinana*, etc., isan-taona ao amy ny kolejy. 2°—, Fandinihana. Faites l'—de ce livre. *Diniho* io boky io.

EXAMINATEUR, TRICE, *s*. Mpanadina. Cet — est trop sévère. Mitsongo loatra io *mpanadina* io.

EXAMINER, *va*. 1° Manadina, mitsapa fahaizana. Examinez cet élève. *Adino, tsapao fahaizana* io mpianatra io. 2°—, Mandinika. —une affaire. *Mandinika* raharaha anankiray.

S'examiner, *vpr*. Mandini-tena, mandinika ny ao am-pony.

EXASPÉRATION, *sf*. Fisafoaka, fisamontitra, fitroatra, fifoaba.

EXASPÉRER, *va*. Mampisafoaka, mampisamontitra, mampitroatra, mampifoaba.

S'exaspérer, *vpr*. Misafoaka, misamontitra, mitroatra, mifoaba.

EXAUCER, *va*. Mihaino, manaiky. Dieu exauce les prières des humbles. Andriamanitra *mihaino*, etc., ny fanga-

tabana ataon' ny mpanetry tena. Dieu m'a exaucé. *Nihaino* ahy Andriamanitra.

EXCAVATION, *sf.* 1° Fihadiana. 2°—, Lavaka, zohy. La rivière a fait là une—. *Nolavahan'* ny renirano tao. Faire des excavations pour exploiter une mine de charbon. Manao *lavaka, zohy* mba hakana arin-tany.

EXCÉDANT, ANTE, *adj.* Ambiny. Quel est le total des sommes excédantes ? Hoatrinona no tontalin' ny *ambimbola* ?

EXCÉDÉ, ÉE, *adj.* Trotraka, valaka, torovana. Il est—de fatigue. *Trotraka,* etc., izy.

EXCÉDENT, *sm.* Ambiny. Je vous donnerai l'—. Homeko anao ny *ambiny.*

EXCÉDER, *va.* 1° Mihoatra. Il a excédé son pouvoir. *Nihoatra* ny fahefany izy. La recette a excédé la dépense. Ny miditra *nihoatra* ny lany. 2°—, Mahatrotraka, mahavalaka, mahatorovana. Cette course m'a excédé. *Nahatrotraka, nahavalaka* ahy izany hazakazaka izany.

S'excéder, *vpr.* Trotraka, valaka, torovana. Il s'est excédé de travail. *Trotraka, valaky* ny asa izy.

EXCELLEMMENT, *adv.* Tsara dia tsara, indrindra.

EXCELLENCE, *sf.* 1° Halavorary, hatsara. En quoi consiste l'—de ce livre? Inona no *mahalavorary* izany boky izany ? L'—d'un fruit. Ny *hatsaran'* ny voankazo. 2°—, Anaram-boninahitra fanajana ny ministra sy ny ambasadaoro.

Par excellence, *loc adv.* Indrindra. Dieu est bon par—. Andriamanitra no tsara *indrindra.* Cicéron est l'orateur par—. Cicéron no mpandaha-teny mahay *indrindra.*

EXCELLENT, ENTE, *adj.* Lavorary, mahay dia mahay, tsara dia tsara, tsara fanahy dia tsara fanahy. Livre— Boky *lavorary* C'est un—ouvrier. *Mahay dia mahay* io mpiasa io. C'est un—vin. *Tsara dia tsara* io divay io. C'est un—homme. *Tsara fanahy dia tsara fanahy* io lehilahy io.

EXCELLER, *vn.* Mahay dia mahay, mahay noho... mihoatra, tsara noho... Il excelle à parler. *Mahay dia mahay* izy raha miteny. Cet orateur excelle sur tous les autres. *Mahay noho, mihoatra* ny sasany io mpandaha-teny io. Les chevaux arabes excellent sur la plupart des autres chevaux. Ny soavaly arabo *tsara noho* ny ankabiazan' ny soavaly hafa.

EXCENTRICITÉ, *sf.* Hahafahafa.

EXCENTRIQUE, *adj.* Hafahafa, hafa fandry, mandry manokana noho ny be. Comme BIZARRE.

EXCEPTÉ, *prép.* Afa-tsy. Il travaille toute la semaine—le dimanche. Tsy tapaka miasa izy *afa-tsy* alahady tokana.

EXCEPTÉ, ÉE, *p.* et *adj.* Afaka, nafahana, voavaka, navahana, afa-tsy, tsy manaraka. Ils ont tous péri, cinq personnes exceptées. Maty daholo izy ireo *afatsy* olona dimy monja. Ces mots sont exceptés de la règle générale *Tsy manaraka* ny lalàna fanao ireo teny ireo.

EXCEPTER, *va.* Manafaka, manavaka, afa-tsy, tsy mampanaraka On a excepté de cette loi les fils des veuves. Rahefa mety ho zanaky ny mpitondratena dia *afaka, nafahana* tamin' izany lalàna izany. Je n'en excepte qui que ce soit. Tsy *manavaka* olona na iza na iza aho. On pardonna aux rebelles, mais en exceptant les chefs. Nalefa avokoa ny mpikomy *afa tsy* ny lehibeny.

EXCEPTION, *sf.* Fanafahana, fanavahana, tsy fanarahana ny lalàna, zavatra tsy manaraka ny lalàna. On fit une—en sa faveur. Izy hiany no *nafahana* tamin' izany Tous les hommes sans —. Ny lehilahy rehetra tsy misy *avaka.* Cette règle a beaucoup d'exceptions. Misy teny betsaka *tsy manaraka* izany lalàna izany.

À l'exception de, *loc. prép.* Afa-tsy. Comme EXCEPTÉ.

EXCEPTIONNEL, ELLE, *adj.* Misy fanafahana, misy fanavahana, tsy manaraka ny lalàna, tsy araka ny fanao.

EXCÈS, *sm.* 1° Ny mihoatra ny mety, izay diso ohatra, izay mihoa-pampana, izay be loatra, izay mafy loatra. L'—est blâmable en toutes choses. Amy ny zavatra rehetra tokony hotsiniana *izay mihoatra ny mety.* C'est par un —de jalousie qu'il a agi ainsi. Fialonana *diso ohatra, mihoa-pampana, be loatra* no nanaovany izany. Louer avec —. Midera *be loatra.* izaitsizy. Un—de travail l'a rendu malade. Ny asa *mafy loatra* no nankarary azy. 2°—, *pl.* Fibobohana be loatra, filerana be loatra, fitondran-tena ratsy. Il s'est ruiné l'estomac par ses—. Simba tamy ny *fibobohana be loatra, fi-*

lerana be loatra ny ambavafóny. 3°—, Fanaovana an-kery, hasiahana. Se porter à des—. *Manao an-kery,* mampiseho *hasiahana.*

À l'excès, *loc. adv.* Izaitsizy.

EXCESSIF, IVE, *adj.* Mihoatra ny mety, diso ohatra, mihoa-pampana, be loatra, izaitsizy, mafy loatra. Tout ce qui est — est vicieux. Ratsy ny zavatra rehetra *mihoatra ny mety.* Il se livre à des débauches excessives. *Diso ohatra, mihoapampana* ny fitondran-tena ratsy ataony. Il lui a donné des louanges excessives. Nidera azy *be loatra* izy. Il fait un froid —. Mangatsiaka *izaitsizy* ny andro, *mafy loatra* ny hatsiaka.

EXCESSIVEMENT, *adv.* Izaitsizy.

EXCITANT, ANTE, *adj.* Manaitra ny ambavafó. Remède —. Fanafody *manaitra ny ambavafó.*

—, *sm.* Zavatra manaitra ny ambavafó.

EXCITATION, *sf.* 1° Fanairana. 2°—, Famporisihana, fitarihana, fitaomana, famokisana.

EXCITER, *va.* 1° Mamporisika mitarika, mitaona, mamoky. — les combattants. *Mamporisika* ny mpiady. Il sait — à l'étude. Mahay *mamporisika, mitarika, mitaona* mba hianatra izy. —à la révolte. *Mamporisika,* etc., ny vahoaka hikomy. 2° —, Miteraka, mampirehitra, mampa..., mampi..., maha ... Le vent excita une grande tempête *Niteraka* tafio-drivotra mafy ny rivotra. Ce discours excita le courage des soldats. Izany lahateny izany *nampirehitra* ny herim-pon' ny miaramila. Cela excite l'appétit. *Mampazoto* homana izany. — l'envie. *Mampialona.* Cette lecture excita son enthousiasme. *Nahatalanjona* azy izany famakian-teny izany.

S'exciter, *vpr.* Mamporisi-tena, mandrisi-tena. S'—au combat. *Mamporisi-tena,* etc., mba hiady.

EXCLAMATION, *sf.* Feo milaza hafaliana, — hatalanjonana, — hatezerana, etc.

EXCLAMER (S'), *vpr.* Mampandre feo milaza hafaliana, etc.

EXCLU, UE, *p.* et *adj.* 1° Voaroaka, noroahina. 2°—, Tsy raisina, tsy mahazo, voasakana mba tsy..., sakanana mba tsy..., tsy avela, tsy asiana. Les femmes sont exclues de ces emplois. *Tsy raisina* amin'izany raharaha izany ny vehivavy. Les Européens étaient exclus de tous les ports de cette nation. Tamin' izay *tsy nahazo* nihitra, *voasakana mba tsy* hiditra, *tsy navela* hiditra tao amy ny seranan' izany fanjakana izany ny Europeana. Tout ornement est—de leurs temples. *Tsy asiana* haingo na inona na inona ny trano fivavahan' izy ireo.

EXCLURE, *va.* 1° Mandroaka. On l'a exclu de cette compagnie. *Noroahina* tamin' izany fikambanana izany izy. 2°—, Tsy mandray, misakana mba tsy..., tsy mamela, tsy manisy, mifanohitra. La charité exclut l'avarice. Ny hazavam-po *mifanohitra* amy ny fahihiana.

S'exclure, *vpr.* Mifanohitra. Ces deux principes s'excluent. *Mifanohitra* ireo foto-kevitra roa ireo.

EXCLUSIF, IVE, *adj.* 1° Hany, tokana, irery, afa-tsy. C'est là mon étude exclusive. Izany no *hany* fianarana ataoko, fianarana *tokana* ataoko. Il a pour cela un goût—. Tsy tia *afa-tsy* izany izy. 2°—, Tsy tia afa-tsy olona sasany na zavatra sasany. Il a un caractère—. *Tsy tia afa-tsy olona sasany na zavatra sasany* izy.

EXCLUSION, *sf.* 1° Fandroahana. 2° —, Tsy fandraisana, fisakanana, tsy famelana, tsy fanisiana.

À l'exclusion de, *loc. prép.* Tsy raisina, sakanana, tsy avela, tsy asiana.

EXCLUSIVEMENT, *adv.* 1° Hany, tokana, irery, afa-tsy. Cela lui appartient—. Azy *irery* izany. 2°—, Tsy ao anisany. Vous apprendrez depuis le chapitre cinquième jusqu'au dixième —. Hianareo hianatra tsy an-jery hatramy ny toko fahadimy ka hatramy ny toko fahafolo izay *tsy ao anisan'* izany.

EXCOMMUNICATION, *sf.* Fandroahana amy ny Eglizy.

EXCOMMUNIÉ, ÉE, *adj.* et *s.* Voaroaka amy ny Eglizy.

EXCOMMUNIER, *va.* Mandroaka amy ny Eglizy.

EXCORIATION, *sf.* Fiempaka, fikipaka, fiovaka.

EXCORIER, *va.* Manempaka, mampiempaka, mampikipaka, mampiovaka. La pierre l'a excorié. Ny vato *nanempaka,* etc., ny hodiny.

EXCRÉMENT, *sm.* Fivalanana, diky, tain' omby, tain'ondry, etc.

EXCROISSANCE, *sf.* 1° Kambo. 2°—, Trongony. Ce tronc est couvert d'excroissances. Be *trongony* ity vatan-kazo ity.

EXCURSION, *sf.* 1° Fandehandehanana. Il fait souvent des excursions pour chercher des insectes. *Mandehandeha* matetika mba hikaroka biby kely izy. 2°—, Fibosesehana. Les ennemis ont fait une—dans le sud. *Nibosesika* tany atsimo ny fahavalo. 3° *fig.* Fivilian-kevitra. Comme Digression.

EXCUSABLE, *adj.* Tsy tokony homen-tsiny, —hotsinina, tsy mendrika homen-tsiny, —hotsinina. Il est—. *Tsy tokony homen-tsiny*, etc., izy. Cette faute est —. *Tsy tokony, tsy mendrika hotsinina* loatra izany hadisoana izany.

EXCUSE, *sf.* Fialan-tsiny. fanaladiana. Il sait forger des excuses. Mahay mamorona *fialan-tsiny* izy. Faire des excuses à quelqu'un. *Miala tsiny* amin' olona, *manalady* olona. Je vous fais mes excuses. *Aza tsiniko* aminao, aza maty aho, matesa anie aho.

EXCUSER, *va.* 1° Manala tsiny. Je vous ai excusé auprès du roi. *Nanala tsiny* anao tamy ny mpanjaka aho. 2°—, Tsy manome tsiny, tsy maniny. Je l'excuse à cause de sa jeunesse. *Tsy omeko tsiny* izy noho ny hatanorany. Il faut—ce léger oubli. Tokony *tsy hotsinina* loatra izany hadisoana kely izany. Excusez moi, si je vous interromps. *Aza tsiniko*, aza fady aho, aza mahafady ahy, raha manapaka ny teninao aho.

S'excuser, *vpr.* Miala tsiny, manalady. Il s'en excuse sur sa maladie. *Miala tsiny* amin' izany izy noho ny aretiny.

EXÉCRABLE, *adj.* 1° Tokony ho hala, — hankahalaina. C'est un homme —. Olona *tokony ho hala*, etc. 2° —, Ratsy izaitsizy, safatsiroa aman-tany. C'est un livre —. Boky *ratsy izaitsizy* izany. C'est un forfait —. Heloka *safatsiroa aman-tany* izany.

EXÉCRABLEMENT, *adv.* Ratsy izaitsizy.

EXÉCRATION, *sf.* 1° Fankahalana. Il est en — à tout le monde. *Hala, ankahalain'* ny olona rehetra izy. 2° —, *pl.* Ozona, fanozonana, sahato, sariko. Il fit mille exécrations. *Nanozona, nisahato, nisariko* injato amin'arivo izy.

EXÉCRER, *va.* Mankahala. Tous l'exécrent. *Mankahala* azy ny olon-drehetra.

EXÉCUTABLE, *adj.* Azo tanterahina, azo atao.

EXÉCUTER, *va.* Manatanteraka, manaraka, manao, mahavita, mahatontosa. —un traité. *Manatanteraka, manaraka* fanekena. J'exécuterai ce projet. *Hotanterahiko, hataoko* izany fikasana izany. J'ai exécuté vos ordres. *Tanteraho* ny didinao. Il a exécuté une belle statue *Nanatanteraka, nanao, nahavita, nahatontosa* sariolona tsara tarehy izy. || *loc.* — des évolutions. Mamindra. — un condamné. Mamono olona voaheloky ny mpitsara.

S'exécuter, *vpr.* 1° Tanterahina, arahina, atao. Il faut que la loi s'exécute. Tsy maintsy *hotanterahina, harahina* ny lalána. 2° —, Manao tsy fidiny.

EXÉCUTEUR, TRICE, *s.* Mpanatanteraka, mpanao. Il a nommé Paul son—testamentaire. Nanendry any Paoly ho *mpanatanteraka* ny farahafany izy. || *loc.* — des hautes œuvres. Mpanapa-Joha, roambinifololahy.

EXÉCUTIF, IVE, *adj.* Mampanaraka ny lalána. Pouvoir —. Fahefana mba *hampanaraka ny lalána.*

EXÉCUTION, *sf.* Fanatanterahana, fanarahana, fanaovana, fahavitana, fanatontosana. || *loc.* L'— d'un condamné. Ny famonoana ny olona voaheloky ny mpitsara.

EXÉCUTOIRE, *adj.* Tsy maintsy hotanterahina, — harahina. Les lois sont exécutoires lorsqu' elles sont promulguées. *Tsy maintsy hotanterahina*, etc., ny lalána rahefa navoaka.

EXEMPLAIRE, *adj.* Tokony hianarana, tokony halain-tahaka, tokony harahina. Conduite —. *Fitondran tena tokony hianarana*, etc.

—, *sm.* Boky mitovy, — iray tarika, zavatra mitovy. On a tiré ce dictionnaire à mille exemplaires. Nanaovana *boky* arivo *mitovy*,*—iray tarika* ity diksionary ity. J'ai un—de cette médaille. Manana medaly anankiray *mitovy* amin' io aho.

EXEMPLE, *sm.* 1° Fianarana, fakantahaka, oha-pitondran-tena, lesona. Suivez son—. *Mianara, maká tahaka* azy. Il donne bon—. Aza *ianarana, alain-tahaka* izy, *oha-pitondran-tena* tsara izy. Il donne mauvais—. *Mampianatsy*, mampianatra *leson*-dratsy izy. || *loc.* Faire un—de quelqu'un. Mankafay olona ho fananarana ny sasany. 2°—, Ohatra, zavatra mitovy. Il y a beaucoup d'exemples dans ce dictionnaire. Be *ohatra* amin' io diksionary io. Je vous en trouverai cent exemples dans l'histoire. Misy *zavatra* zato

mitovy amin' izany azoko alaina amy ny tantara. C'est un crime sans—. Tsy misy heloka *mitovy* amin' izany, heloka tsy manam-paharoa, safatsiroa izany.

Par exemple, *loc. adv.* 1° Ohatra. 2°—, Adre! lahy! Par — voilà qui est fort. *Adre!* mahagaga izany! mahagaga *lahy* izany!

À l'exemple de, *loc. prép.* Tahaka, hoatra. À l'—de ses ancêtres. *Tahaka*, etc., ny razany.

EXEMPT, EMPTE, *adj.* 1° Afaka. Il est — du service militaire. *Afaka* tsy ho miaramila izy. Il est — de toute corvée. *Afaka* tsy hanao fanompoana na inona na inona izy. 2°—, Tsy manana, tsy misy, tsy voa. Il mène une vie exempte de soucis. *Tsy manana* ahiahy izy Cet ouvrage est—de défauts. *Tsy misy* tsininy io hoky io. Cette ville a été exempte de la contagion. *Tsy voan'* ny areti-miflndra izany tanána izany.

EXEMPTER, *va.* Manafaka. On l'a exempté de tout impôt. *Afaka* tsy handoa hetra na inona na inona izy.

S'exempter, *vpr.* Tsy avela. Comme SE DISPENSER.

EXEMPTION, *sf.* Fanafahana.

EXERCÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Nampiasaina, nampianatina. mahay. Ce sont des soldats bien exercés. Miaramila *mahay* ireo. 2°—, Natao. 3°—, Voatsapa, notsapaina, nozahan toetra. 4°—, Naseho.

EXERCER, *va.* 1° Mampiasa, mampianatra. —son corps, son esprit *Mampiasa* ny tenany, ny sainy. —des soldats, des élèves. *Mampianatra* miaramila, mpianatra. 2°—, Manao. Il exerce le métier de forgeron. Manefy no raharaha *ataony*. Il y a dix ans qu'il exerce cette charge. Efa nandritra ny folo taona no *nanaovany* izany raharaha izany. 3° —, Mitsapa, mizaha toetra. Dieu se plaît à — les bons. Tian' Andriamanitra ny *mitsapa*, etc., ny tsara fanahy. ‖ *loc.* —la patience de quelqu'un. Manahirana olona, manao izay mahasosotra olona. 4°—, Mampiseho. — sa charité. *Mampiseho* hazavam-po. —sa cruauté. *Mampiseho* hasiahana.

S'exercer, *vpr.* 1° Miasa, mianatra. Son esprit trouve dans ce livre de quoi s'—. Misy *iasan'* ny sainy izany boky izany. Il s'exerce à tirer de l'arc. *Mianatra* mitifitra amy ny zana-tsipíka izy. 2°—, Mikoly aina. Il s'exerce à toutes les vertus. *Mikely aina* mba handroso amy ny hatsaram-panahy reheira izy.

EXERCICE, *sm.* 1° Fampiasana, fiasana, asa, fianarana. Il joue à la balle pour faire de l'—. Milalao baolina izy mba *hampiasa* ny tenany. Il fait de l'— en se promenant. *Miasa* dia izy. Ces soldats font l'— tous les jours. Manao *asa* tena, *asa* basy. *mianatra* isan'andro ireo miaramila ireo. 2° —, Fanaovana, fanaovana raharaha. Il fut irréprochable dans l'— de sa charge. Tsy nanan-tsiny izy tamy ny *nanaovany* ny raharahany. Il est entré hier en—. Omaly vao nanomboka *nanao ny raharahany* izy. 3°—, Fahasahiranana, hasosorana. 4°—, Fampisehoana. Des obstacles s'opposèrent à l'— de son autorité. Nisy zavatra nisakana azy mba tsy *hampiseho* ny fahefany.

EXHALAISON, *sf.* Fofona.

EXHALER, *va.* 1° Mandefa fofona, mitera-pofona, mamofona. Ces fleurs exhalent une douce odeur. *Mandefa fofona* tsara ireo voninkazo ireo. Ces marais exhalent une vapeur malsaine. *Miterapofona* ratsy ireo honahona ireo. Cette terre exhale des odeurs. *Mamofona* ity tany ity 2° *fig.* Mampiseho. Il exhala sa colere contre lui. *Nampiseho* ny hatezerany taminy izy.

S'exhaler, *vpr.* 1° Mivoaka. Une bonne odeur s'exhale de cette fleur. Misy fofona tsara *mivoaka* amin' io voninkazo io. 2° —, Levon-ko fofona, manjary ho fofona. Cette liqueur s'est toute exhalée. *Levon-ko fofona* avokoa izany lalikera izany. L'eau de ce marais s'exhale en vapeurs malignes. Ny rano amin' io honahona io *manjary fofona* ratsy. 3° *fig.* Miseho.

EXHAUSSEMENT, *sm.* Fanandratana, fisandratana, fanondrotana, fisondrotana, fanovonana.

EXHAUSSER, *va.* Manandratra, manondrotra, mampisondrotra, manovona. — une maison. *Manandratra*, etc., trano. Exhaussez ce plancher. *Asandrato, asondroty* io rihana io.

S'exhausser, *vpr.* Misandratra, misondrotra. mihahavo.

EXHIBER, *va.* Mampiseho, mamosaka. Exhibez votre passe-port. *Asehoy, aposaho* ny pasipaoronao.

EXHIBITION, *sf.* Fampisehoana. famosahana.

EXHORTATION, *sf.* Teny famporisihana, toriteny famporisihana.

EXHORTER, *va.* Mamporisika. Exhortez-le à mieux vivre. *Amporisiho* izy mba hitondra tena tsaratsara kokoa.

S'exhorter, *vpr.* Mifamporisika.

EXHUMATION, *sf.* Famokaram-paty.

EXHUMER, *va.* 1° Mamoka-paty. Les juges ordonnèrent de l'—. Nasain' ny mpitsara *hofokarina ny faliny.* 2° *fig.* Mampahatsiaro. Il a exhumé des noms oubliés. *Nampahatsiaro* anarana hadino izy.

EXIGEANT, ANTE, *adj.* Mangataka be loatra, mitady—, mampandoa—, manery, sarotsarotiny, lozabe. Il est fort — envers ses inférieurs. *Manery* mafy ny olom-peheziny izy, *sarotsarotiny, lozabe* amy ny olom-peheziny izy.

EXIGENCE, *sf.* 1° Fangatahana be loatra, fitadiavana—, fampandoavana—, fanerena, halozana. 2°—, Toetra, toe-draharaha. Selon l'— des affaires. Araka ny *toe*-draharaha.

EXIGER, *va.* 1° Mangataka, mila, mitady, mitaky, mampandoa, mamoritra, manery. Il exige un salaire plus élevé. *Mangataka, mila, mitady* karama ambony kokoa izy. Il exige le paiement de sa dette. *Mitaky* ny trosany izy. Il exige de gros intérêts. *Mangataka, mila, mitady, mampandoa* zana-bola be loatra izy. Il exige des honneurs qui ne lui sont pas dûs. *Mangataka, mitady* voninahitra, *mamoritra, manery* olona mba hanome azy voninahitra tsy tokony ho azy izy. 2° *fig.* Manery, tsy maintsy, mila. Votre honneur exige cela de vous. Ny voninahitrao *manery* anao mba hanao izany, *tsy maintsy* hataonao izany noho ny voninahitrao. Sa maladie exige beaucoup de soins. *Mila* fitandremana lehibe ny aretiny.

S'exiger, *vpr.* Angatahina, tadiavina, takina, ampandoavina, poritina, terena.

EXIGIBLE, *adj.* Azo angatahina,—takina,—ampandoavina,—poritina,—terena.

EXIGU, UË, *adj.* Kely. Somme exiguë. Vola *kely.* Logement—. Trano *kely.*

EXIGUÏTÉ, *sf.* Hakely. L'—de sa fortune. Ny *hakelin'* ny hareny.

EXIL, *sm.* 1° Fandroahana, fanaovana sesi-tany. Il a été envoyé en—. *Noroahina, natao sesi-tany* izy. Il a été rappelé d'—. Naverina ilay *nasesi-tany.* 2° *fig.* Fivahiniana, fitoerana mahasorisorena, —mahadisadisa. Cette terre est un lieu d'—. *Fivahiniana* ity tany ity. Cette ville est pour moi un lieu d'—. *Mahasorisorena, mahadisadisa* ahy ity tanàna ity.

EXILÉ, ÉE, *p. adj.* et *s.* Voaroaka, noroahina, nasesi-tany.

EXILER, *va.* Mandroaka, manao sesitany. Le gouvernement l'exila, *Noroahin'* ny fanjakana, *nataon'* ny fanjakana *sesi-tany* izy.

S'exiler, *vpr.* Mihataka ho amy ny tany mangingina. Il s'est exilé à la campagne. *Nihataka* any an-tsaha izy.

EXISTANT, ANTE, *adj.* Misy.

EXISTENCE, *sf.* 1° Fisiana. On ne saurait nier l'— de Dieu. Tsy azo lavina ny *fisian'* Andriamanitra. 2° —, Nahaterahana, andro ahavelomana, andro iainana. Respectez ceux à qui vous devez l'—. Hajao izay *niteraka* anao. L'homme ne saurait prolonger son —. Ny olona tsy mahazo manalava ny *andro ahavelomany, andro iainany.* 3° *fig.* Toetra. Cet homme a une belle —. Miadan-*toetra* io lehilahy io.

EXISTER, *vn.* 1° Misy. Il existait un complot. *Nisy* teti-dratsy. 2° —, Áry, teraka, velona, miaina, ivelomana. Vous n'existiez pas encore à cette époque. Tsy mbola *áry, teraka* hianao tamin' izay. Quand j'aurai cessé d'—. Rahefa tapitra ny andro *ahavelomako, iainako.* Il a beaucoup de peine à faire — sa famille. Sarotra ho azy ny *mamelona* ny ankohonany.

EXONÉRATION, *sf.* Fanafahana.

EXONÉRER, *va.* Manafaka. On l'a exonéré de tout impôt. *Afaka* tsy handoa hetra na inona na inona izy.

S'exonérer, *vpr.* Afaka. Il s'est exonéré de sa dette. *Afa*-trosa izy.

EXORBITANT, ANTE, *adj.* Diso ohatra, mihoa-pompana, be loatra, izaitsizy, tsy anerany. Il est d'une taille exorbitante. *Diso ohatra, mihoa-pampana* ny habavony. Cette marchandise est d'un prix—. *Mihoa-pampana, be loatra,* efa *izaitsizy, tsy anerany* ny vidin' io zavatra io. Voy. Excessif.

EXORCISER, *va.* Mandroaka demony. —les démons. *Mandroaka* ny demony. —un possédé. *Mandroaka demony* amin' olona.

EXORCISME, *sm.* Fandroahana demony.

EXORCISTE, *sm.* Mpandroaka demony.

22

EXORDE, *sm.* Sasin-teny.

EXOTIQUE, *adj.* Avy amy ny tany hafa. Plantes exotiques. Zava-maniry *avy amy ny tany hafa.*

EXPANSIBILITÉ, *sf.* Ny ahazoana mitatra.

EXPANSIBLE, *adj.* Mety hitatra. Le gaz est—.'*Mety hitatra* ny gazy.

EXPANSIF, IVE, *adj.* 1° Mahazo mitatra. 2° *fig.* Mamboraka ny ao am-po.

EXPANSION, *sf.* 1° Fitarana, fitatra. 2° *fig.* Avoir de l'—. Mamboraka ny ao am-po.

EXPATRIATION, *sf.* Fandroahana hiala amy ny tanin-drazana, fandaozana tanin-drazana.

EXPATRIER, *va.* Mandroaka hiala amy ny tanin-drazana.

S'expatrier, *vpr.* Mandao tanin-drazana, miala amy ny tanin-drazana.

EXPECTATIVE, *sf.* Fanantenana. Il est dans l'—. *Manantena* hiany izy.

EXPECTORANT, ANTE, *adj.* Mampandeha rehoka. Remèdes expectorants. Fanafody *mampandeha rehoka.*

—, *sm.* Fanafody mampandeha rehoka.

EXPECTORATION, *sf.* Fandrehofana.

EXPECTORER, *va.* Mandrehoka.

EXPÉDIÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Natao haingana, nohafainganina, tanteraka, notanterahina. 2° —, Nampitondraina, nampanaterina, voairaka, nirahina, voaroaka, noroahina.

EXPÉDIENT, *sm.* Hevitra anatanterahana, fanatanterahana, fialana. Il est fertile en expédients. Be *hevitra hanatanterahan*-javatra, be *fialana* izy. Il est à bout d'expédients. Tsy hitany izay *hanatanterahany* izany, izay *hialany.*

—, *adj. m.* Mahasoa. Il est—d'agir ainsi. *Mahasoa* ny manao tahaka izany.

EXPÉDIER, *va.* 1° Manao haingana, manafaingana, manatanteraka. Expédiez cette affaire. *Ataovy haingana, hafaingano* izany raharaha izany. Il a expédié beaucoup d'affaires. *Nanatanteraka* raharaha maro izy. Il a expédié beaucoup de monde ce matin. *Nanatanteraka* raharaha tamy ny olona maro izy aninaraina. 2° —, Mampitondra, mampanatitra, maniraka, mandroaka. Je vous ai expédié vos marchandises. Efa *nampitondraiko, nampanateriko* any aminao ny entam-barotiao. Je lui ai expédié un courrier. *Naniraka* olona tany aminy aho. J'ai expédié cet importun. Efa *noroahiko* ilay olona manahirana.

EXPÉDITEUR, *sm.* Mpampitondra, mpampanatitra.

EXPÉDITIF, IVE, *adj.* Manao haingana, manafaingana.

EXPÉDITION, *sf.* 1° Fanaovana haingana, fanafainganana, fanatanterahana. 2°—, Fampitondrana, fampanaterana. 3° —, Fanafihana, fandehanana hizaha. Il fit une — en Egypte. *Nanafika* tany Ejipta izy. Ils ont fait une—au pôle nord. *Lasa nizaha* ny pôly avaratra izy ireo.

EXPÉDITIONNAIRE, *sm.* Mpampitondra, mpampanatitra.

—, *adj.* Manafika. L'armée—. Ny miaramila *manafika.*

EXPÉRIENCE, *sf.* Fitsapana, fanandramana, fahitana, fahalalan-javatra. Il fait des expériences sur la pesanteur de l'air. *Mitsapa* ny amy ny havesaran'ny rivotra izy. J'ai fait l'—de ce remède. Efa *notsapaiko, nandramako* izany fanafody izany. Je connais le monde par une longue —. Fantatro ny toetry ny olombelona noho ny ela *nahitako.* C'est un jeune homme sans—. Tovolahy tsy *mahalala zavatra* io.

EXPÉRIMENTÉ, ÉE, *adj.* Mahay, mahalala. Médecin—. Dokotera *mahay.*

EXPÉRIMENTER, *va.* Mitsapa, manandrana, mahita. J'ai expérimenté la vertu de ce remède. Efa *notsapaiko, nandramako* ny herin' io fanafody io. J'ai souvent expérimenté cela. Efa *hitako* matetika izany.

EXPERT, ERTE, *adj* Mahay.

—, *sm.* Vadintany mpanombana.

EXPERTISE, *sf.* Fanombanana.

EXPERTISER, *va* et *vn.* Manombana. — le dégât. *Manombana* ny simba.

EXPIATION, *sf.* Fanonerana ny ratsy natao.

EXPIATOIRE, *adj.* Mahonitra ny ratsy natao.

EXPIER, *va.* Manonitra ny ratsy natao. Il expia ses péchés par une longue pénitence. *Nanonitra* ny fahotany tamy ny fampijalian-tena ela izy.

S'expier, *vpr.* Onerana.

EXPIRANT, ANTE, *adj.* 1° Miala aina. 2° *fig.* Tapitra, mitsahatra, mihalevona.

EXPIRATION, *sf.* 1° Famoahana fofon' aina. 2° *fig.* Fahataperana. Il n'a plus qu' un mois jusqu' à l'—de son bail. Tsy mi-

sy afa-tsy iray volana sisa no *hahataperan'* ny fanofany trano.

EXPIRER, *vn.* 1° Miala aína, mitsoaka aina, maty. Il expira entre les bras de ses amis. *Niala aina*, etc., tao am-pelatánan' ny sakaizany izy. 2° *fig.* Tapitra, mitsahatra, mihalevona. Le bail expire demain. *Tapitra* rahampitso ny fanofantrano. Ses pouvoirs expirent dans un mois. *Tapitra* ny fahefany rahefa afaka iray volana. Je sentis—ma colère. Tamin' izay *nitsahatra* ny hatezerako. Cette lueur expira par degrés. *Nitsahatra*. *nihalevona* tsikelikely izany fahazavana izany.

—, *va.* Mamoaka fofon' aina.

EXPLÉTIF, IVE, *adj.* Fanampin-teny manamafy.

EXPLICABLE, *adj.* Azo hazavaina, azo voasana, azo lazaina hevitra, azo lazaina ny antony, azo fantarina ny antony.

EXPLICATIF, IVE, *adj.* Manazava, mivaofy, milaza hevi-teny.

EXPLICATION, *sf.* 1° Fanazavana, fivoasana, filazana hevi-javatra, — ny antony, fahafantarana ny antony. 2°—, Fampianarana, fanorotoroana, filazana mazava.

EXPLICITE, *adj.* Mazava, mihariharv.

EXPLICITEMENT, *adv.* Mazava, miharihary.

EXPLIQUER, *va.* 1° Manazava, mivaofy, milaza hevi-javatra, milaza ny antony, mampahafantatra ny antony. Il a bien expliqué ce chapitre de saint Paul. *Nanazava, nivaofy, nilaza* tsara *ny hevitr'* izany toko nosoratany Md. Paoly izany izy. Joseph expliqua le songe de Pharaon. Josefa *nilaza ny hevitry* ny nofiny Faraona. Expliquez-moi sa conduite. *Lazao* amiko *ny antony* nanaovany izany. Cela m'explique ce qu'il a fait. Izany no *ahafantarako ny anton'* ny nataony. 2°—, Mampianatra, manorotoro, milaza mazava. Il explique la géographie. *Mampianatra, manorotoro* ny jeografy izy. Je vais vous — ma pensée. *Holazaiko mazava* aminao ny hevitro.

S'expliquer, *vpr.* Hazavaina, voasana, milaza ny heviny, milaza ny antony. Je vais m'—. *Holazaiko ny hevitro.* Il s'est expliqué avec moi. *Nilaza* tamiko *ny antony* nanaovany izany izy.

EXPLOIT, *sm.* Herim-po aseho amy ny ady. L'histoire garde le souvenir des exploits d'Alexandre. Ny tantara mampahatsiaro ny *herim-po naseho ny* Aleksandra tany an' ady.

EXPLOITABLE, *adj.* Azo asaina, azo volena, azo kapaina, azo hadina.

EXPLOITATION, *sf.* Fiasana, fambolena, fikapana, fihadiana.

EXPLOITER, *va.* 1° Miasa, mamboly, mikapa, mihady. — une propriété. *Miasa, mamboly* tany. — une forêt. *Mikapa* ala. — une mine d'or. *Mihady* volamena. 2° *fig.* Mametsy, mikapa. — la crédulité de quelqu'un. *Mametsy*, etc., ny adaladala.

EXPLORATEUR, *sm.* Mpizaha tany.

EXPLORATION, *sf.* Fizahan-tany.

EXPLORER, *va.* Mizaha tany.

EXPLOSIBLE, *adj.* Mipoaka. Allumettes explosibles. Afokasoka *mipoaka*.

EXPLOSION, *sf.* 1° Fipoaka, fipoahana. L'—d'un magasin à poudre. Ny *fipoaky* ny trano fitoeram-banja. 2° *fig.* Firehetana, fisehoana, fiposahana, fahavakiana. Sa colère fit alors —. *Nirehitra* tamin' izay ny hatezerany. Le complot fit—. *Niseho, niposaka, vaky* ny teti-dratsy.

EXPORTATION, *sf.* Fitondram-barotra amy ny tany hafa, famarinana, zavatra avarina.

EXPORTER, *va.* Mitondra varotra amy ny tany hafa, mamarina. — des bœufs. *Mamarina* omby.

S'exporter, *vpr.* Entina amy ny tany hafa, avarina.

EXPOSANT, ANTE, *s.* 1° Mpampiseho. 2°—, Mpilaza.

EXPOSÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Naseho, miseho, miharihary. 2°—, Natodika, mitodika, nahahy, mihahy, napetraka, mipetraka, nariana. 3°—, Nambara, voalaza, nolazaina, nohazavaina, mazava. 4°—, Mila hahita loza, mila, mora, natao mosalahy. Il est— à périr. *Mila* hahita loza izy. Il est— à perdre sa fortune. *Mila* ho lany harena izy. Cette plaine est exposée aux inondations. *Mora* safotra izany tany lemaka izany.

—, *sm.* Filazana.

EXPOSER, *va.* 1° Mampiseho, mampiharihary.— des livres en vente. *Mampiseho* boky amidy. — le saint Sacrement. *Mampiseho* ny Sakramenta masina. Sa dignité l'expose à la vue de tout le monde. Ny fahamboniany *mampiseho, mampiharihary* azy eo imason' ny olon-drehetra. 2°—, Mampitodika, manahy, mametraka, manary. —au soleil levant. *Mampitodika* miantsinanana.—du linge pour le faire sécher. *Manahy* lamba. On ex-

posa les martyrs sur un étang glacé. *Napetraka* tambonin' ny ranomandry tao amy ny farihy ny martiry. —un enfant. *Manary* zaza vao teraka. 3°—, Manambara, milaza, manazava. Exposez vos intentions. *Ambarao, lazao* ny fikasanao. Il a exposé sa doctrine. *Nilaza,nanazava* ny fampianarany izy. 4°—, Mila hampahita loza, mahamora, manao mosalahy. Cela vous expose à de grands périls. *Mila hampahita loza* anao izany. La situation de cette ville l'expose aux attaques de l'ennemi. *Mora* asian' ny fahavalo izany tanána izany noho ny toerany. Il expose sa fortune. *Manao mosalahy* ny hareny izy. —sa vie. Comme S'EXPOSER À LA MORT.

S'exposer, *vpr.* Mitono tena, manao vy very, manao anjolofo, maneha-doza, mankaha-doza, manaboamaty, mananty voina, mila, manao mosalahy. S'—à la mort. *Mitono tena, manao vy very, manao anjolofo.* S'—au danger. *Maneha-doza, mankaha-doza, manaboamaty, mananty voina.* S'—à tuer quelqu'un. *Mila* hahafaty olona. S'—à recevoir un affront. *Mila* tsiny. S'—au hasard. *Manao mosalahy.*

EXPOSITION, *sf.* 1° Fampisehoana. On fit, dans cette salle, l'—de plusieurs tableaux. Nisy sary maro *naseho* tamin' izany efi-trano izany. 2°—, Fitodihana, toerana. L'—à l'ouest est la meilleure. Ny *mitodika* miankandrefana no tsara indrindra. Ce palais est dans une belle —. Tsara *toerana* io lapa io. 3°—, Filazana, fanazavana. Il a fait une — nette de cette affaire. *Nilaza* mazava, *nanazava* tsara izany raharaha izany izy.

EXPRÈS, *sm.* Iraka.

—, *adv.* Fanahy iniana, iniana, nahy, satry. Il le fait — pour me fâcher. *Fanahy iniany* no anaovany izany. *inianу* atao izany mba hahatezitra ahy. Je ne l'ai pas fait —. Tsy *fanahy iniako*, tsy *niniako*, tsy *nahiko,* tsy *satriko* no nanaovako izany.

EXPRÈS, ESSE, *adj.* Mazava, miharihary, mafy. La loi est expresse sur ce point. *Mazava*, etc., ny lalána amin' izany zavatra izany.

EXPRESSÉMENT, *adv.* Mazava, miharihary, mafy.

EXPRESSIF, IVE, *adj.* Mampiseho tsara ny heviny, mampiseho ny ao ampo. Il a un langage—. *Mampiseho tsara ny heviny* ny fiteniny. Il a une physionomie expressive. *Mampiseho ny ao am-pony* ny tarehiny.

EXPRESSION, *sf.* 1° Famiazana, famoritana. 2°—, Fiteny, fombam-pitenenana. Cette — présente une belle idée. Izany *fiteny*, etc., izany mampiseho hevitra tsara. 3°—, Fampisehoana tsara, fampisehoana ny ao am-po.

EXPRIMABLE, *adj.* Azo lazaina.

EXPRIMER, *va.* 1° Mamia, mamoritra. — le jus d'un citron. *Mamia, mamoritra* voasary. 2°—, Milaza. Il exprime bien sa pensée. *Milaza* tsara ny heviny izy. Il faut — cela dans le contrat. Tsy maintsy *holazaina* amy ny fanekena izany. 3°—, Mampiseho tsara, mampiseho ny ao am-po. Ce chant exprime sa joie. *Mampiseho tsara* ny hafaliany izany hira izany. Ses yeux exprimaient l'amour et la reconnaissance. Ny fijeriny *nampiseho* fitiavana sy fankasitrahana.

S'exprimer, *vpr.* Milaza ny heviny. Il s'exprime clairement. *Milaza* mazava *ny heviny* izy.

EXPROPRIATION, *sf.* Fakan'ny fanjakana trano na tokotany nefa tsy mamono antoka, fakan' ny tompon-trosa trano na tokotany natao antoka.

EXPROPRIER, *va.* Maka trano na tokotany nefa tsy mamono antoka, maka trano na tokotany natao antoka.

EXPULSER, *va.* 1° Mandroaka. On l'expulsa de sa maison. *Noroahina* hiala amy ny tranony izy. 2°—, Mamoaka. Le calcul fut expulsé. *Voavoaka* ny fiafia.

EXPULSIF, IVE, *adj.* Mahavoaka.

EXPULSION, *sf.* 1° Fandroahana. 2°—, Famoahana.

EXPURGER, *va.* Manesotra ny zavatra tsy mety amy ny boky.

EXQUIS, ISE, *adj.* 1° Matsiro, fy, mafilotra, tsara dia tsara. Comme DÉLICAT. 2°—, Kanto, tsara dia tsara, mahafinaritra. C'est un travail —. Asa *kanto*, etc., izany. 3°—, Kiankianina, mahay. Il a un goût — dans ses discours. *Kiankianina* amy ny laha-teniny izy. Il a un jugement —. *Mahay* mitsara zavatra izy.

EXTASE, *sf.* 1° Fahavarianam-panahy. Il avait souvent des extases. Azon' ny *fahavarianam-panahy* matetika izy. 2°—, Fahatalanjonana, fitalanjonana. Il la contemplait avec —. *Talanjona* nibanjina azy izy.

EXTASIER (S'), *vpr.* Talanjona.

EXTATIQUE, *adj.* Avy amy ny fahavarianam-panahy.

EXTENSIBILITÉ, *sf*. Ny ahazoana mitatra.

EXTENSIBLE, *adj*. Azo itarina. Les métaux sont extensibles. *Azo itarina* ny metaly.

EXTENSION, *sf*. Fanitarana, fitarana. L'or est susceptible d'—. Azo *itarina* ny volamena. Il a donné de l'—à son commerce. *Nanitatra* ny fivarotany izy. Le commerce prend de l'—. *Mitatra* ny varotra. Ce mot a une grande —. *Mitatra* be ny hevitr' izany teny izany.

EXTÉNUATION, *sf*. Faharerahana.

EXTÉNUER, *va*. Mahareraka, mandreraka. La maladie l'a exténué. Ny aretina *nahareraka*, etc., azy.

S'exténuer, *vpr*. Mandrera-tena. Il s'exténue à force de veilles. *Mandrera-tena* amy ny fiaretan-tory izy.

EXTÉRIEUR, EURE, *adj*. 1° Ivelany. Les ornements extérieurs d'un palais. Ny haingon' ny *ivelan*'ny lapa. 2°—, Momba ny tany hafa. Le commerce — prend de l'accroissement. Mitombo ny varotra atao *amy ny tany hafa.*

—, *sm*. 1° Ny ivelany. L'—de ce bâtiment est beau. Tsara *ny ivelan'* io trano io. On fait du bruit à l'—. Misy tabataba any *ivelany*. 2°—, Endrika, tarehy, bika, toetra, toetra ivelany. Il a un bel —. Tsara *endrika, tarehy, bika* izy. Il a un — modeste. Maotona ny *toetrany*. Il a un—trompeur. Mamitaka ny *toetrany ivelany*. 3°—, Tany hafa. Les nouvelles de l'—. Ny zava-baovao avy any amy ny *tany hafa.*

EXTÉRIEUREMENT, *adv*. Ivelany. Ce n' est qu'—qu'il est dévot. Tsy tia vavaka afa-tsy *ivelany* hiany izy.

EXTERMINATEUR, TRICE, *adj*. Mandringana. L'ange—. Ny anjely *mpandringana.*

—, *sm*. Mpandringana.

EXTERMINATION, *sf*. Fandringanana, fandripahana.

EXTERMINER, *va*. Mandringana, mandripaka. —les brigands. *Mandringana*, etc., ny jiolahy.

EXTERNAT, *sm*. Trano fianaran' ny mpianatra mody.

EXTERNE, *adj*. 1° Ivelany. Le mal n'est pas—. Tsy avy aty *ivelany* ny aretina. 2°—, Ivoho. Le côté—du bras. Ny *ivohon*-tsandry.

—, *sm*. Mpianatra mody.

EXTINCTION, *sf*. 1° Famonoana. L'—du feu. Ny *famonoana* ny afo. 2° *fig*. Fahafatesana, fampitsaharana, fanaperana, fandanian-tamingana. Il a une—de voix. *Maty* feo izy. Il travaille à l'—des abus, de sa dette. Mikely aina *hampitsahatra* ny fanao tsy mety, *hanapitra* ny trosany izy. Il travaille à l'—de cette famille. Manao izay *hahalany tamingana* izany fianakaviana izany izy.

EXTIRPATION, *sf*. 1° Fanongotana, fandidiana. 2° *fig*. Fandravana, fampitsaharana.

EXTIRPER, *va*. 1° Manongotra, mandidy. — des racines. *Manongotra* faka. — une loupe. *Mandidy* kambo. 2° *fig*. Mandrava, mampitsahatra. — l' hérésie. *Mandrava* ny herezia. — les abus. *Mampitsahatra* ny fanao tsy mety.

EXTORQUER, *va*. Miharaka, manery, mamoritra. Il m'a extorqué de l'argent. *Niharaka* ny volako izy. On lui a extorqué sa signature. *Noterena, noporitina* hanao ny soniany izy.

EXTORSION, *sf*. Fiharahana, fanerena, famoritana.

EXTRACTION, *sf*. 1° Fanalana, fanesorana, famoahana, fihadiana, fanaovana. 2° *fig*. Firazanana. Il est de basse—. Iva *razana* izy.

EXTRADITION, *sf*. Fanolorana olomeloka amy ny fanjakana nialany.

EXTRAIRE, *va*. 1° Manala, manesotra, mamoaka, mihady, manao. —une balle du corps. *Manala, manesotra* bala amy ny tena. —des calculs. *Mamoaka* fiafia. — de l'or. *Mihady* volamena. —de l'huile du ricin. *Manao* tseroka amy ny tanantanamanga. 2° —, Maka, mikopia. Il a extrait ce passage de l'Ecriture Sainte. *Nalainy* tamy ny Soratra Masina ireo teny ireo.

EXTRAIT, *sm*. 1° Ilo. — de rose. *Ilombonin-draozy*. 2°—, Zavatra alaina, taratasy filazana nokopiana. Voici quelques extraits de ce livre. Indreto ny *zavatra* sasany *nalaina* tamin' izany boky izany. Voici mon — de naissance. Indro ny *taratasy milaza* ny nahaterahako *nokopiana* tamy ny bokim-panjakana.

EXTRAORDINAIRE, *adj*. 1° Tsy araka ny fanao, mihoatra ny fanao. Le parlement a tenu une séance —. *Tsy araka ny fanao* ny fivoriana nataon' ny parlementa. J'ai fait cette année des dépenses extraordinaires. Ny laniko tamin'ity taona ity *mihoatra* noho ny laniko isan-taona. 2°—, Mahagaga, izaitsizy,

hafahafa. C'est un esprit —. *Mahagaga* ny sainy. Il est d'une laideur —. Ratsy tarehy *izaitsizy* izy. Il a un visage —. *Hafahafa* ny tarehiny.

—, *sm*. Zavatra tsy fanao. C'est pour lui un — que de boire du vin. *Zavatra tsy fanaony* ny misotro divay.

EXTRAORDINAIREMENT, *adv*. 1° Tsy araka ny fanao. 2°—, Mahagaga, izaitsizy, aoka izany, hafahafa. Il est — riche. *Mahagaga* ny hareny, manankarena *izaitsizy, aoka izany* izy.

EXTRAVAGANCE, *sf*. Hadaladalana. hadalana, toetra hafahafa, teny tsy misy antony, teny tsy misy heviny. J'ai pitié de son —. Mampalahelo ahy ny *hadaladalany*, ny *toetrany hafahafa*. Il fait des extravagances. Mampiseho *hadalana* izy. Il dit des extravagances. Milaza *teny tsy misy antony, tsy misy heviny* izy.

EXTRAVAGANT, ANTE, *adj*. et *s*. Adaladala, hafahafa, fotsy hevitra, ondranondranana, tsy misy antony, tsy misy heviny. C'est un homme —, un —. Lehilahy *adaladala, hafahafa, fotsy hevitra, ondranondranana* izy. Ce sont des paroles extravagantes. Teny *tsy misy antony, tsy misy heviny* ireo.

EXTRAVAGUER, *vn*. Manao hevi-potsy, mandefa teny tsy voahevitra, mibedibedy foana, mirediredy.

EXTRÊME, *adj*. 1° Fara, diso ohatra, mihoa-pampana, izaitsizy, fara doboka. Il a été arrêté à l'— limite du royaume. Nosamborina tany amy ny *fara* sisin-tanin' ny fanjakana izy. Il est dans une — misère. Efa mby amy ny *fara* fahantrana izy. Il se livrait à une joie —. *Diso ohatra, nihoa-pampana* ny hafaliany tamin' izay. Il est d'une bonté —. Malèmy fanahy *izaitsizy* izy. La chaleur est —. Efa *izaitsizy* ny hafanana. Remèdes extrêmes. Fanafody *fara doboka* Prendre un parti —. Manao *fara doboka*, manao vy very. 2°—, Mihoatra ny mety. Il est — en tout. *Mihoatra ny mety* amy ny zavatra rehetra izy. Voy. Excessif.

—, *sm*. Zavatra mifanohitra. Le froid et le chaud sont les deux extrêmes. *Zavatra roa mifanohitra* ny hatsiaka sy ny hafanana.

EXTRÊMEMENT, *adv*. Izaitsizy, aoka izany. — beau. Tsara tarehy *izaitsizy*, etc.

EXTRÊME-ONCTION, *sf*. Fanosorana farany.

EXTRÉMITÉ, *sf*. 1° Tendro, farany, fara sisin-tany, fara vazan-tany. L'— des cheveux. Ny *tendrom*-bolo. Il loge à l'— de la ville. Monina any amy ny *faran'* ny tanána izy. Cette ville est à l' — du royaume. Any amy ny *fara sisintanin'* ny fanjakana izany vohitra izany. Il est allé à l'— du monde. Lasa any amy ny *fara vazan-tany* izy. 2°—, Ambavahoana, fara fahantrana, fara fahoriana. Il est à l'—. Efa mby *ambavahoana* izy. Il est réduit à l'—. Efa mby amy ny *fara fahantrana, fara fahoriana* izy. 3°—, Fihoarana ny mety, hatezerana mafy dia mafy, hasiahana. Vous allez toujours à l'—. Manao, milaza zavatra *mihoatra ny mety* mandrakariva hianao. Il s'est porté contre lui à la dernière—. *Tezitra mafy dia mafy*, nampiseho *hasiahana* taminy izy. 4°—, *pl*. Tongotra aman-tánana. Il a les extrémités froides. Mangatsiaka ny *tongony aman-tánany*.

EXTRINSÈQUE, *adj*. Avy any ivelany.

EXUBÉRANCE, *sf*. 1° Fandrobona. Il y a ici—de végétation. *Mandrobona* aty ny zava-maniry. 2° *fig*. Habetsahan-loatra. Il y a—de mots. *Betsaka loatra* ny teny.

EXUBÉRANT, ANTE, *adj*. 1° Mandrobona. 2° *fig*. Betsaka loatra.

EX-VOTO, *sm*. Fanalam-boady.

F

FABLE, *sf*. 1° Fanoharana. La—du loup et de l'agneau. Ny *fanoharana* amy ny amboadia sy ny zanak' ondry. 2°—, Angano. Vous me contez des fables. Milaza *angano* amiko hianao. L'histoire de ce peuple est mêlée de beaucoup de fables. Ny tantaran' izany firenena izany dia miharo *angano* betsaka. 3°—, Fihomehezana. Il est la—de la ville. *Ihomehezan'* ny olona rehetra eto an-tanána izy.

FABRICANT, *sm*. Mpanao, mpanefy. Un— de chapeaux. *Mpanao* satroka.

FABRICATEUR, TRICE, *s.* 1° Mpanao. — de fausse monnaie. *Mpanao* vola ratsy. 2° *fig.* Mpamorona. —de fausses nouvelles. *Mpamoron*-tsaho.

FABRICATION, *sf.* 1° Fanaovana, fanefena, fanontana. 2° *fig.* Famoronana.

FABRICIEN, *sm.* Mpitandrina ny fananan' ny trano leglizy anankiray.

FABRIQUE, *sf.* 1° Fanaovana, trano fanaovan-javatra. Ce drap est de bonne—. Tsara ny *nanaovana* io lopótra io. Il a établi une —de draps en ville. Nanorina *trano fanaovan*-dopótra tao an-tanána izy. 2°—, Fananan' ny trano leglizy anankiray, olona vitsivitsy mitandrina ny fananan' ny trano leglizy anankiray. 3° *fig.* Famoronana. Cette histoire est de sa —. *Noforoniny* izany tantara izany.

FABRIQUER, *va.* 1° Manao, manefy, manonta. — des étoffes de soie. *Manao* lamba lasoa. — de la porcelaine. *Manao, manefy* porosolaina. — de la monnaie. *Manao,* etc., vola. 2° *fig.* Mamorona. — un mensonge. *Mamoron*-dainga.

Se fabriquer, *vpr.* 1° Atao, tefena, atonta. 2° *fig.* Foronina.

FABULEUX, EUSE, *adj.* 1° Angano, tsizy. Cela est —. *Angano* izany. C'est une histoire fabuleuse. *Angano* izany. Les anciens adoraient des divinités fabuleuses. Ny ntaolo nivavaka tamy ny andriamanitra *tsizy.* 2° *fig.* Tsy azo inoana, mahagaga. Sa vie renferme quelque chose de—. Nisy zavatra *tsy azo inoana,* etc., nataony tamy ny andro niainany.

—, *sm.* Zavatra tsy azo inoana, — mahagaga. Cela tient du —. *Zavatra* saika *tsy azo inoana,* etc., izany.

FABULISTE, *sm.* Mpamorona fanoharana.

FAÇADE, *sf.* Ny anoloan' ny trano, ny lafin-trano. La — d'une église. *Ny anoloan' ny trano* leglizy. La — qui regarde la rivière. *Ny lafin-trano* manatrika ny renirano.

FACE, *sf.* 1° Tarehy, tava. Les muscles de la —. Ny hozatra amy ny *tarehy,* etc. 2°—, Lafiny, anoloan-trano, lafin-trano. Les faces d'un prisme. Ny *lafim*-pitaratra telo rirana. La — du côté du levant est la plus belle. Tsara indrindra ny *lafin-trano* atsinanana. 3°—, Toetra. Ses affaires ont changé de —. Niova ny *toetry* ny raharahany. Il faut envisager cette affaire sous toutes ses faces. Tsy maintsy hodinihina araka ny *toetrany* samihafa izany raharaha izany. ‖ *loc.* Faire —. Tandrify, manatrika, mifandafatra, mahasahana, mamonjy. Sa maison fait — à la mienne. *Tandrify, manatrika* ny ahy, *mifanandrify, mifanatrika* amy ny ahy ny tranony. Nous faisions — à l'ennemi. *Nanatrika* ny fahavalo, *nifanatrika, nifandafatra* tamy ny fahavalo izahay. Il ne peut faire — à ses dépenses. Tsy *mahasahana* ny laniny izy. Il fait — à tout. *Sahaniny* avokoa ny zavatra rehetra, *vonjeny* ny sakany sy ny lavany.

En face, *loc.adv.* 1° Tandrify, manatrika, anatrehana, imaso. Sa maison est en—de la mienne. *Tandrify, manatrika* ny ahy ny tranony. Regarder quelqu'un en —. Mijery olona *manatrika,* mibanjina olona. Il osa le lui dire en—. Sahy nilaza izany teo *anatrehany, imasony* izy. 2° *fig.* Regarder le péril en—. Manehadoza.

Face à face, *loc. adv.* Mifanatrika. Je me suis trouvé face à face avec lui. *Nifanatrika* taminy aho.

À la face, *loc. adv.* Anatrehana, imaso.

FACÉTIE, *sf.* Hatsikana, arira, harankana.

FACÉTIEUX, EUSE, *adj.* Hatsikana, arira, harankana.

—, *sm.* Hatsikana, ariralahy, harankana.

FACETTE, *sf.* Lafy. Diamant à facettes. Diamondra maro *lafy.*

FÂCHÉ, ÉE, *adj.* 1° Tezitra, sosotra. 2°—, Malahelo. Il est—de ne vous avoir pas rencontré. *Malahelo* izy satria tsy nahita anao.

FÂCHER, *va.* 1° Mahatezitra, mahasosotra. Prenez garde de le—. Tandremo sao *mahatezitra,* etc., azy hianao. 2°—, Mampalahelo.

Se fâcher, *vpr.* Tezitra, mitezitra. Je me suis fâché contre lui. *Nitezitra* azy aho, *notezerako* izy.

FÂCHERIE, *sf.* Fahatezerana, fahasosorana.

FÂCHEUX, EUSE, *adj.* 1° Mampalahelo. C'est un accident —. Voina *mampalahelo* izany. 2°—, Saro-po, kitokitoina, foizina. Il est d'une humeur fâcheuse. *Saro-po,* etc., izy.

FACIAL, ALE, *adj.* Amy ny tarehy. Nerf—. Hozatra *amy ny tarehy.*

FACILE, *adj.* 1° Mora. Cela est— à dire, mais non à faire. *Mora* lazaina izany, fa sarotra atao. Cette phrase est— à traduire. *Mora* adika izany fehezan-teny izany.

Cet homme est de—accès. *Mora* hatonina io lehilahy io. 2°—, Tsy mananosarotra, misononóka, haingan-tsaina. Il a la parole —. *Tsy mananosarotra* izy raha miteny. Il a le travail —. *Tsy mananosarotra* izy raha miasa. Style —. Lahateny *misononóka*. 3°—, Malemy fanahy, rainazy. C'est un homme —, d'une humeur —. *Malemy fanahy* izy. Je ne l'aurais pas cru si —. Nataoko fa tsy *rainazy* tahaka izany izy.

FACILEMENT, *adv*. 1° Moramora. 2°—, Tsy mananosarotra, misononóka.

FACILITÉ, *sf*. 1° Hamorana. Cela est de la plus grande —. *Mora* foana izany. 2°—, Tsy fananosarotra, fisononóka, hafainganan-tsaina. Il écrit avec —. *Tsy mananosarotra* izy raha manoratra. Son style a de la—.*Misononóka* ny laha-teniny. Cet enfant n'a aucune —. Tsy *haingan-tsaina* akory io zazalahy io. 3°—, Halemem-panahy, harainazy.

FACILITER, *va*. Mahamora, manamora. Cela facilite l'exécution de mon entreprise. *Mahamora*, etc., ny hahatanterahana ny raharahako izany.

FAÇON, *sf*. 1° Fanaovana. La—de cette étoffe est belle. Tsara ny *nanaovana* io lamba io. Combien coûte la—de cet habit ? Hoatrinona no karama *nanaovana* io akanjo io ? 2°—, Toetra, fanao, fomba, fan..., fi... Il a bonne —. Tsara ny *toetrany*. C'est sa—. Izany no *toetrany, fanaony, fombany*. C'est sa—de faire. Izany no *fanaony*. Sa—d'écrire est bonne. Tsara ny *fanorany*. C'est une nouvelle—de parler. *Fombam*-pitenenana, *fi*teny vaovao izany. Comme MANIÈRE. 3°—, Anganongano, angesongeso. Il fait beaucoup de façons quand il reçoit des étrangers. Be *anganongano*, etc., izy raha mandray vahiny. Il m'a traité sans—.Tsy mba nisy *anganongano*, etc., ny nandraisany ahy, tsotsotra ny nandraisany ahy.

De façon que, *loc.conj*. 1° Ary amin' izany, ary noho izany, any ka. La nuit vint, de—que je fus contraint de me retirer. Tonga ny alina *ary amin' izany*, etc., heriko niala. 2°—, Izay.... Comme EN SORTE QUE.

FACONDE, *sf*. Habetsahan-teny loatra.

FAÇONNÉ, ÉE, *p*. et *adj*. 1° Natao. 2° *fig*. Zatra. Il est—au travail. *Zatra* miasa izy.

FAÇONNER, *va*. 1° Manao. Il a bien mal façonné cette tabatière. Ratsy no *nanaovany* ity tabatera ity. 2° *fig*. Manazatra.

Se façonner, *vpr*. Mihazatra.

FAÇONNIER, IÈRE, *adj*. Be anganongano, be angesongeso.

FACTEUR, *sm*. 1° Mpanatitra taratasy. 2°—, Ny isa mifampitombo.

FACTICE, *adj*. 1° Natao, ankosoka. Pierre —. Vatosoa *natao*, etc. 2° *fig*. Ankosoka. Joie —. Hafaliana *ankosoka*.

FACTIEUX, EUSE, *adj*. et *s*. Mpandrendri-bahoaka, mpampiodina, mpampikomy, mpiray tetika.

FACTION, *sf*. 1° Fiambenana. Il a fait six heures de—. *Niambina* adim-pamantaranandro enina izy. 2°—, Andaniny, teti-dratsy. Il y avait deux factions dans cette ville. Nisy *andaniny* roa tamin' izany tanàna izany. L'État était déchiré par les factions. Simban' ny *teti-dratsy* ny fanjakana tamin' izay.

FACTIONNAIRE, *sm*. Miaramila mpiambina.

FACTURE, *sf*. 1° Taratasy milaza ny isa sy ny vidin' ny entana. Voici la—des marchandises que je vous expédie. Indro ny *taratasy milaza ny isa sy ny vidin'ny entana* izay ampitondraiko anao. 2°—, Famoronana. La — de cet air est bonne. Tsara ny *namoronana* izany hira izany.

FACULTATIF, IVE, *adj*. An-tsafidy.

FACULTÉ, *sf*. 1° Fahazoana, maha... mampi.., saina. Il a la — de voter. *Mahazo* manao latsa-bato izy. L'aimant a la —d'attirer le fer. Ny andriambý *mahatarika* ny vy. Ces feuilles ont la — de purger. *Mampi*valana ireny ravin-kazo ireny. Il est paralytique et n'a pas la — de se mouvoir. Malemy izy ka tsy *mahe*tsika. Les facultés intellectuelles. Ny *saina*. Il est doué de grandes facultés. Be *saina* izy. 2°—, Ny mpampianatra rehetra ao amy ny oniversitý, ny dokotera mpampianatra rehetra. Les médecins de la — de Paris. Ny dokotera *rehetra mampianatra* ao Parisy. On consulta la —. Nakana hevitra ny *dokotera mpampianatra rehetra*. 3°—, *pl*. Fananana, izay zaka. Chacun a dû payer selon ses facultés. Samy nampadoavina araka izay *anànany, zakany* avy.

FADAISE, *sf*. Zava-poana, zavatra tsinontsinona. Il ne dit que des fadaises. Tsy milaza afa-tsy *zava-poana*, etc., izy.

FADE, *adj*. 1° Matsatso, matsaboaka, tsy misy haminy. Mets —. Nahandro *matsatso*, etc. 2° *fig*. Matsatso, masirasira. Discours —. Laha-teny *matsatso*, etc.

FADEUR, *sf.* 1° Hatsatso. 2° *fig.* Hasirasira.

FAGOT, *sm.* Anentan-kitay hazo, fehezan-kitay hazo.

FAGOTAGE, *sm.* Famehezana anentan-kitay hazo.

FAGOTER, *va.* 1° Mamehy anentan-kitay hazo, mifehy —. 2° *fig.* Ratsy fanamboatra, ratsy fampiakanjo.

Se fagoter, *vpr.* Ratsy fiakanjo.

FAGOTEUR, *sm.* Mpamehy anentan-kitay hazo, mpifehy—.

FAIBLE, *adj.* 1° Kely aina, osa, malemy, saozanina, reraka, mihozohozo, mangozohozo. Il est trop — pour porter ce fardeau. *Kely aina* loatra izy ka tsy mahazaka io entana io. La femme est plus— que l'homme. Ny vehivavy *kely aina* noho ny lehilahy, *osa* fa tsy tahaka ny lehilahy. Il a une voix—. *Malemy* feo izy. Il a les jambes faibles. *Malemilemy* ny ranjony. Cette branche est—. *Malemy* izany rantsan-kazo izany. Il a une—santé. *Saozanina* izy. Il est encore—de sa maladie. Mbola *osa, reraka, mihozohozo, mangozohozo* avy narary izy. 2° *fig.* Kely, malefaka, tsy mahery, osa, malemy, tsy mahay loatra, tsy tsara loatra, rainazy, manao hanta ratsy. Son salaire est trop —. *Kely* loatra ny karamany. Ce café est—. *Malefaka, tsy mahery* ity kafé ity. L'ennemi était plus—que nous. *Tsy nahery* tahaka anay ny fahavalo. C'est un esprit—. Olona *osa* izy. Ce poste est—, il sera bientôt emporté. *Malemy* izany tanána izany, ka ho azo vetivety foana. C'est un écrivain—. Mpamorom-boky *tsy mahay loatra* izy. Cet ouvrage est —. *Tsy tsara loatra* ity boky ity. Cette mère est — pour ses enfants. *Rainazy* amy ny zanany io reny io.

—, *sm.* 1° Ny malemy. Il est l'appui des faibles. Fiankinan' ny *malemy* izy. 2° —, Ny tsininy. Voilà le—de cette poutre. Indro ny *tsinin'* io sakamandimby io. 3° —, Hadalana. Le jeu est son— *Adalandalao* izy. Il a un—pour cet enfant. *Adalan'* io zaza io izy.

FAIBLEMENT, *adv.* Kely foana, amimpahosana, amin-kalemena.

FAIBLESSE, *sf.* 1° Hakely aina, hahosana, halemy, halemena, harerahana, fihozohozo, fangozohozo. 2° —, Fahatoranana. Il tombe en—de temps en temps. *Torana* izy indraindray. 3° *fig.* Hakely, halefaka, fahosana, halemena, tsy fahaizana loatra, tsy fahatsarana loatra, fanaovana rainazy, — hanta ratsy, hadisoana. Cette œuvre est au-dessus de notre—. Tsy takatry ny *halementsika* izany raharaha izany. Ayez moins de—. Aza *rainazy*, aza *manao hanta ratsy* tahaka izany. Les faiblesses de l'humanité. Ny *hadisoan'* ny olombelona.

FAIBLIR, *vn.* 1° Mihakely aina, mihahosa, mihamalemy, mihareraka. 2° *fig.* Mihakely, mihamalefaka, mihena herim-po, mihahosa, mihamalemy. Ce vin faiblit. *Mihamalefaka* io divay io. Il a résisté longtemps, mais il commence à —. Nanohitra ela izy, fa izao *mihena herim-po, mihahosa.*

FAÏENCE, *sf.* Bakoly.

FAILLIBLE, *adj.* Mety ho diso hevitra.

FAILLIR, *vn.* 1° Manota, diso, mety ho diso. Il est de notre nature de—. Fombantsika ny *manota,* etc. Sa foi n'a point failli. Tsy *diso* finoana izy. 2° —, Saika, kasa. J'ai failli mourir. *Saika,* etc., maty aho.

FAILLITE, *sf.* Bankeroty. Comme BANQUEROUTE.

FAIM, *sf.* 1° Hanoanana. Avoir —. *Noana.* Il est mort de —. Maty *noana* izy. 2° *fig.* Fitsiriritana.

FAINÉANT, ANTE, *adj.* et *s.* Midonanaka, malaina, kamo.

FAINÉANTER, *vn.* Midonanaka, malaina.

FAINÉANTISE, *sf.* Fidonanahana, fahalainana, hakamoana.

FAIRE, *va.* 1° Manao, mamorona, mahatanteraka, mahavita, mahatontosa. Dieu a fait le ciel et la terre. Andriamanitra no *nanao, namorona* ny lanitra sy ny tany. Qui a fait cette belle machine? Iza no *nanao,* etc., io milina tsara io? Il fait du sucre. *Manao* siramamy izy. Il fait un livre. *Manao, mamorona* boky izy. Il est toute la journée à ne rien —. Tsy *manao* na inona na inona izy mandritra ny andro. Il fait tous les jours la volonté de Dieu. *Manao, mahatanteraka* ny sitra-pon' Andriamanitra isan'andro izy. Je n'en ferai rien. Tsy *hanao* izany velively aho. Il fait le métier de forgeron. Manefy vy no raharaha *alaony.* 2° —, Manamboatra, manaratra, manety, manao, manala. — un lit. *Manamboatra* fandriana. — la barbe. *Manaratra* volom-bava. —les cheveux. *Manety, manao* volo. — ses ongles. *Manala* hoho. 3° —, Mahazo. Il a fait une grande fortune. *Nahazo* harena be izy. 4° —, Miana-

tra. Il fait sa médecine. *Mianatra* ho dokotera izy. Il fait son noviciat. *Mianatra* ho relijiozy izy. 5°—, Mahazatra, mampianatra, mandatsaka. La guerre m'a fait à la fatigue. Ny ady *nahazatra* ahy tamy ny hasasarana. Il fait de bons élèves. *Mampianatra* tsara ny mpianany izy. Il a fait son fils médecin. *Nandatsaka* ny zanany ho dokotera izy. 6°—, Manao toetra, mihambo, mody, te-hiseho, manao ho. Cet acteur faisait le roi. Io mpanao teatra io *nanao toetry* ny mpanjaka. Il fait le fanfaron. *Manao toetr'* olonkevoka izy. Il fait le savant. *Mihambo* ho mahay izy. Il fait le fou, le malade. *Mody* adala, — marary izy. Il fait le généreux. *Te-hiseho* ho mahafoy be izy. On le fait riche, mais il ne l'est pas. *Ataon'* ny olona *ho* mpanankarena izy, nefa tsy manana. 7°—, Mahatonga, mampihitsoka, mampahita, maha.., mampa.., mampi... Les mauvaises compagnies en ont fait un mauvais sujet. Ny naman-dratsy *nahatonga* azy ho olona tsy manjary. Sa langue lui a fait de méchantes affaires. Ny vavany hiany no *nampihitsoka* azy tamy ny raharaha sarotra. Ce remède fait suer. *Maha*tsemboka izany fanafody izany. Cela fait peur. *Maha*tahotra, *mampa*tahotra izany. Il fait imprimer son livre. *Mampa*nonta ny bokiny izy. Je le lui ai fait dire. *Nampi*laza izany taminy aho. 8°—, Mampaninona. maninona. Qu'est-ce que cela me fait? *Mampaninona* ahy izany? Cela ne fait rien. Tsy *mampaninona*, etc., izany. ‖ *loc.*— résistance. Manohitra. — la garde. Miambina. — attention. Mitandrina. Je ne fis que le toucher et il tomba. Nokasihiko kely foana izy ka potraka. Il ne fait que de sortir. Vao nivoaka izy. Il fait jour. Antoandro ny andro. Il fait chaud. Mafana ny andro. Il fait beau. Tsara ny andro. Il fait du vent. Mandrivotra ny andro. Il fait de la pluie. Manorana ny andro. Il ne fait pas bon se frotter à cet homme-là. Tsy tsara ny miady amin' io lehilahy io. Deux et deux font quatre. Roa roa dia efatra.

Se faire, *vpr.* 1° Atao. Cela ne se fait pas aisément. Tsy mora *atao* izany. 2°—, Tonga, milatsaka, lasa, mihatsara, miha.. Il s'est fait catholique. *Tonga* katolika, *nilatsaka* ho katolika izy. Il s'est fait médecin. *Lasa* dokotera izy. Ce vin se fera en bouteille. *Hihatsara* ao anaty tavoahangy io divay io. Cet enfant se fait grand. *Miha*lehibe ity zazalahy ity. 3°—, Manao ny tenany ho, mihambo. Il se fait plus malade qu'il ne l'est. *Manao ny tenany ho* marary mafimafy kokoa izy. Il se fait plus riche qu'il ne l'est. *Manao ny tenany ho*, etc., manankarena kokoa izy. 4°—, Misy. Il se fit un tremblement de terre. *Nisy* horohoron-tany.

FAISABLE, *adj.* Azo atao.

FAISAN, *sm.* Akoholahiuala.

FAISANDER, *va.* Manotrika.

Se faisander, *vpr.* Miotrika.

FAISCEAU, *sm.* Fehezana.—de lances. *Fehezan*-defona.—de verges. *Fehezan*-drotsakazo. ‖ *loc.* Mettre les fusils en —. Mampiady filo.

FAISEUR, EUSE, *s.* Mpanao, mpamorona, mpanaonao. — de malles. *Mpanao* vata. Un—de contes. *Mpamorona* angano. — de livres. *Mpanaonao* boky.

FAIT, *sm.* 1° Ny atao, asa, famelezana. C'est par des faits qu'il lui a prouvé son attachement. *Ny nataony, ny asany* no nampisehoany ny fitiavany azy. On lui impute des faits graves. Ampangaina ho *nanao* zavatra lehibe izy. Il joignit le — à la menace. Sady nandrahona izy no *namely*. Il est défendu d'user de voies de —. Rarana mba tsy *hamely*. ‖ *loc.* Prendre quelqu'un sur le —. Mahazo olona an-tánana, — am-body omby. Prendre—et cause pour quelqu'un. Miandany amy ny olona. 2°—, Zavatra miseho, tena zavatra, tena raharaha, zavatra hita. Les faits sont bien rapportés par cet historien. Nitantara tsara ny *zavatra niseho* tamin' izay io mpitantara io. Il parla pendant une heure, sans dire un mot du—. Nandritra ny adim-pamantaranandro iray izy niteny hiany, nefa tsy nilaza izay *tena zavatra, tena raharaha*. De nouveaux faits sont venus confirmer ce principe. *Zavatra* vao *hita* no nanamarina izany foto-kevitra izany. ‖ *loc.* Il est de—qu'on ne m'a pas compris. Miharihary fa tsy nahazo ny hevitro izy ireo. Le— est que je n'en savais rien. Marina tokoa fa tsy nahalala izany aho. Être au—. Mahalala. Se mettre au—. Mianatra, mihazatra. Mettre au—. Mampianatra, manoro, mampahazatra. Dire à quelqu'un son —. Miteny mafy olona. 3° —, Antoñiny, tandrifiny. Cet emploi sera bien son—. *Antoniny*, etc., ho azy izany raharaha izany.

Dans le fait, par le fait, *loc. adv.* Tokoa, amin' izany.

De fait, *loc. adv.* Tokoa, tena. Il n'était

roi que de nom, un autre l'était de—. Anarana fotsiny no naha-mpanjàka azy, fa hafa ny *tena* mpanjaka.

Tout à fait, *adv.* Indrindra. Il est—ruiné. Lany harena *indrindra* izy.

FAIT, FAITE, *p.* et *adj.* 1° Natao, voaforona, noforonina, tanteraka, notanterahina, vita, novitaina, tontosa, notontosaina. Ce qui est—est—. Izay *vita*, dia *vita;* ny lasa momba ny lasa. ‖ *loc.* Être bien—. Bikàna. Être mal—. Ratsy bika. 2°—, Voavoatra, namboarina, voaharatra, noharatana, voahety, nohetezana, voala, nalana. 3°—, Azo. 4°—, Zatra. Il est— au froid. *Zatra* ny hatsiaka izy. 5°—, Mahavita, tokony. Cet homme n'est pas—pour cet emploi. Tsy *mahavita* izany raharaha izany io lehilahy io. Cette nouvelle est faite pour l'affliger. *Tokony* hampalahelo azy izany zavabaovao izany. 6°—, Lehibe. C'est un homme—. Efa olon-*dehibe* izy.

FAÎTAGE, *sm.* 1° Vovonana. 2°—, Tampon-trano.

FAÎTE, *sm.* 1° Tampon-trano. Le—du temple. Ny *tampon'* ny tempoly. 2°—, Tendro. Le—du clocher. Ny *tendron'* ny tranon-dakolosy. 3° *fig.* Tampony. Il est arrivé au—des honneurs. Tonga amy ny *tampon'* ny voninahitra, amy ny fanaperana anarana izy.

FAITIÈRE, *adj.* Sarom-bovonana. Tuile —. *Sarom-bovonana* tanimanga.

—, *sf.* Sarom-bovonana tanimanga.

FAIX, *sm.* Entana. Il plie sous le—. Mivongaingy tsindrian'ny *entana* mavesatra izy.

FALAISE, *sf.* Moron-dranomasina mideza.

FALBALA, *sm.* Filiron'akanjo mivalombalona.

FALLACIEUSEMENT, *adv.* Am-pitaka.

FALLACIEUX, EUSE, *s.* et *adj.* Mpamitaka, fetsy ratsy, misy fitaka.

FALLOIR, *vn. imp.* 1° Tsy maintsy, tokony, mety. Il faut faire ce travail. *Tsy maintsy* hatao izany asa izany. Il faudrait s'en informer. *Tokony* hofotopotorana izany. Il parle comme il faut. Miteny araka ny *mety* izy. 2°—, Mila. Il me faut un habit. *Mila* akanjo aho. ‖ *loc.* C'est un homme comme il faut. Olona mendrika izy. Il s'en faut peu. Kely sisa. Il s'en est peu fallu qu'il n'ait été tué. *Kely sisa* tsy nahafatesany. Il s'en faut de beaucoup que leur nombre soit complet. Be tsy ampy ny isany. Il s'en faut de beaucoup qu'il surpasse ses compagnons. Mbola aiza sy aiza no ihoarany ny namany.

FALOT, *sm.* Fanala lehibe.

FALSIFICATEUR, *sm.* Mpanova, mpanao zavatra ankosoka.

FALSIFICATION, *sf.* Fanovana, fanaovana zavatra ankosoka.

FALSIFIER, *va.* Manova, manao zavatra ankosoka. —un texte. *Manova* teny nalaina. —un contrat. *Manova* taratasy fanaikena. —du vin. *Manao* divay *ankosoka.* —de la monnaie. *Manao* vola *ankosoka*, vola ratsy.

FAMÉ, ÉE, *adj.* Malaza. Cet homme est mal—. *Malaza* ratsy io lehilahy io. Il est bien—. Tsara *laza* izy.

FAMÉLIQUE, *adj.* et *s.* 1° Noan-dava. 2°—, Mahia. Mine—. Tarehy *mahia*.

FAMEUSEMENT, *adv.* Izaitsizy.

FAMEUX, EUSE, *adj.* 1° Malaza, manan-daza, manana anarana, mandeha laza, manehoeho, maresaka, maketrika, ngeza, kalaza. C'est un historien—. Mpitantara *malaza, manan-daza, ngezalahy, kalazalahy* izy. C'est un—homme. Lehilahy *malàza, manan-daza, manana anarana* izy. Comme CÉLÈBRE. 2° *fig.* Izaitsizy, mahagaga C'est un—imbécile. Adala *izaitsizy* izy. Il y a eu un—repas. Nisy fihinanana *mahagaga.*

FAMILIARISER, *va.* Mahazatra. Il est difficile de—une nation avec de nouveaux usages. Sarotra ny *mahazatra* firenena anankiray amy ny fanao vaovao.

Se familiariser, *vpr.* Mifankazatra, manao toetra tsotra loatra, mihazatra. Il se familiarise avec les grands. *Mifankazatra* amin'izay ambony toetra izy. Ne vous familiarisez pas avec vos inférieurs. Aza *manao toetra tsotra* loatra amin'izay fehezinao. Il s'est familiarisé avec la fièvre. *Nihazatra* tamy ny tazo izy.

FAMILIARITÉ, *sf.* Fifankazarana, fanaovana toetra tsotra loatra. Il n'y a pas grande—entre eux. Tsy *mifankazatra* loatra izy ireo. La—engendre le mépris. Ny *fanaovana toetra tsotra loatra* mitarika fanesoana. Prendre des familiarités avec quelqu'un. *Manao toetra tsotra loatra,* zavatra tsy mety amin'olona.

FAMILIER, IÈRE, *adj.* 1° Mifankazatra, manao toetra tsotra loatra, zatra, mahazatra. Il est—avec lui. *Mifankazatra* aminy izy. Il prend des airs familiers

avec ses supérieurs. *Manao toetra tsotra loatra* amy ny lehibeny izy. Ce défaut lui est —. *Zatra* amin' izany hadisoana izany izy. Cette langue lui est familière. *Zatra* amin' izany fiteny izany izy, *mahazatra* azy izany fiteny izany. 2°—, Tsotra. Langage —. Fiteny *tsotra*.

—, *sm*. Mpifankazatra, sakaiza.

FAMILIÈREMENT, *adv*. Mifankazatra, tsotra.

FAMILLE, *sf*. 1° Fianakaviana, mpianakavy, tamingana, ankohonana. Sa — est très nombreuse. Maro *fianakaviana, mpianakavy* izy. La—royale. Ny *fianakaviana, tamingan'* ny mpanjaka. Comment va votre—? Manao ahoana ny *fianakavianao*, —hianareo *mianakavy*? Il gouverne bien sa—. Mahay mitondra ny *fianakaviany*, ny *mpianakaviny*, ny *ankohonany* izy. 2°—, Antokony. Ces deux animaux sont de la même—. *Antokony* iray ireo biby roa ireo.

FAMINE, *sf*. Mosary. Il y eut une grande—cette année-là. Nisy *mosary* lehibe tamin' izany taona izany. Prendre par—. Comme Affame.

FANAL, *sm*. 1° Fanala. 2° *fig*. Fanilo.

FANATIQUE, *adj*. et *s*. Mirehidrehitra tsy amy ny antony, mikiribiby amy ny hevi-diso.

FANATISER, *va*. Mampirehidrehitra tsy amy ny antony, mampikiribiby amy ny hevi-diso.

Se fanatiser, *vpr*. Mirehidrehitra tsy amy ny antony, mikiribiby amy ny hevi-diso.

FANATISME, *sm*. Firehidrehitra tsy amy ny antony, fikiribibiana amy ny hevi-diso.

FANÉ, ÉE, *p*. et *adj*. Malazo, matroka.

FANER, *va*. Mandazo, mahamatroka.

Se faner, *vpr*. Mihamalazo, mihamatroka. Ces fleurs se fanent. *Mihamalazo* ireo voninkazo ireo. Cette couleur s'est fanée. *Nihamatroka* io volon-doko io. Son teint se fane. *Mihamatroka* ny tarehiny.

FANFARE, *sf*. Mozika dozeniny iray.

FANFARON, *adj. m*. et *s*. 1° Mahery am-bava, lasan-ko vavany. Il n'est pas brave, il n'est que—. Tsy mahery fo izy, fa *mahery am-bava*, etc., fotsiny. 2°—, Mpirehaka, be rehaka, kevodahy. Il est brave et— en même temps. Mahery fo izy sady *mpirehaka*, etc.

FANFARONNADE, *sf*. 1° Faherezambava. 2°—, Firehaka, rehaka, hakevohana.

FANFRELUCHE, *sf*. Haingo foana.

FANGE, *sf*. 1° Fotaka. Il est tombé dans la—. Latsaka tao anaty *fotaka* izy. 2° *fig*. Faraidiny. Il s'est élevé de la — au plus haut degré de fortune. Avy amy ny *faraidiny* izy, ka tonga mpanankarena indrindra, firinga mievotra izy. 3°—, Fitondran-tena vetaveta. Il vit dans la —. *Vetaveta fitondran-tena* izy.

FANGEUX, EUSE, *adj*. Be fotaka.

FANON, *sm*. Siranandony.

FANTAISIE, *sf*. 1° Sitra-po, fanaranam-po, fanaovana danin' ny kibo, hevitra, fitiavana. Il suit sa—. Manaraka ny *sitra-pony*, ny *heviny, manaram-po, manao izay danin' ny kibony* izy. Chacun en parle selon sa—. Samy miresaka izany araka ny *heviny* ny olona. Cela est exécuté à ma—. Tanteraka araka ny *sitra-poko*, ny *hevitro*, ny *tiako* izany. 2°—, Haitraitra, angotingoty. Il a fait cela par — et non par raison. *Haitraitra* hiany no nanaovany izany, fa tsy misy antony. Il a des fantaisies ridicules. Be *haitraitra*, etc., tsy misy heviny izy. 3°—, Akanjo hafahafa. Acheter des fantaisies. Mividy *akanjo hafahafa*.

FANTASMAGORIE, *sf*. Fampisehoantsary aloka.

FANTASQUE, *adj*. Mihaitraitra, miangotingoty, hafahafa. C'est un homme —. Lehilahy *mihaitraitra, miangotingoty* izy. Habit —. Akanjo *hafahafa*.

FANTASSIN, *sm*. Miaramila mandeha tongotra

FANTASTIQUE, *adj*. Foronin' ny saina fotsiny, tsy misy heviny. Être —. Zavatra *foronin' ny saina fotsiny*. Projets fantastiques. Fikasana *tsy misy heviny*.

FANTÔME, *sm*. 1° Matoatoa, avelo. Le —de sa mère lui apparut. Niseho taminy ny *matoatoa*, ny *avelon*-dreniny. 2° *fig*. Tandindona. Les grandeurs humaines sont de vains fantômes. *Tandindona* foana ny voninahitra eto ambonin' ny tany. 3°—, Hevi-potsy. Comme Chimère.

FAQUIN, *sm*. Mpihambohambo, kasikasy.

FAQUINERIE, *sf*. Fihambohamboana, hakasiana.

FARCE, *sf*. 1° Sesi-kena. Faire une — à une dinde. Manao *sesi-kena* amy ny vorontsiloza. 2°—, Hatsikana, arira. On ne joue que des farces à ce théâtre. Tsy misy afa-tsy *hatsikana, arira* fotsiny amin' izany teatra izany. 3°—, Vosobo-

sotra. kivazivazy. Faire une—à quelqu' un. Manao *vosobosotra*, etc., amin'olona.

FARCEUR, *sm.* 1° Mpanao hatsikana. 2°—, Mpanao vosobosotra.

FARCIR, *va.* 1° Manesika hena. Farcissez ces pigeons. *Seseho hena* ireo voromailala ireo. ‖ *loc.* —son estomac de viandes. Miletra hena. 2° *fig.* Manisika be loatra. Il a farci son discours de latin. *Nosisihany* tony latina *be loatra* ny laha-teniny.

FARD, *sm.* 1° Tentina. Elle met du—. *Mitentina* izy. 3° *fig.* Renty tsy amy ny antony. Il y a beaucoup de—dans son discours. Be *renty tsy amy ny antony* ny laha-teniny. 3°—, Fanafenankevitra. Parlez-moi sans—. Aza *manafina* amiko.

FARDEAU, *sm.* 1° Entana, lanjána. —porté sur les épaules aux deux bouts d'une perche. *Lanjána.* Il porte un lourd—. Mitondra *entana, lanjána* mavesatra, mavesatra *entana* izy. 2° *fig.* Zavatra mavesatra. La vie est pour lui un—. *Zavatra mavesatra* aminy ny miaina.

FARDER, *va.* 1° Manentina. 2° *fig.* Manisy renty tsy misy antony. —un discours. *Manisy renty tsy misy antony* amy ny laha-teny. 3°—, Manarona. —le vice. *Manarona* haratsiampanahy.

Se farder, *vpr.* Mitentina.

FARFOUILLER, *va.* Mikarokaroka. Qui a farfouillé dans mon armoire? Iza no *nikarokaroka* tao anaty lalomoarako?

—, *va.* Manakorontana. On a farfouillé mes papiers. Nisy *nanakorontana* ny taratasiko.

FARIBOLE, *sf.* Zavatra tsinontsinona, zava-poana.

FARINE, *sf.* Lafarina, koba. —de manioc, de maïs. *Koba*-mangahazo, *koban*-katsaka.

FARINER, *va.* Manisy lafarina.

Se fariner, *vpr.* Mitentina lafarina.

FARINEUX, EUSE, *adj.* 1° Misy lafarina, feno lafarina, azo atao koba. 2° —, Mamovoka, fasipasehina. Feuilles farineuses. Ravin-kazo *mamovoka.* Il a la peau farineuse. *Fasipasehin*-koditra izy.

FAROUCHE, *adj.* 1° Dia. Bête—. Biby *dia.* 2°—, Haolo,kaody,mihadrahadra. Ce cheval est—. *Haolo,* etc., io soavaly io. Il était—dans sa jeunesse. *Haolohaolo, kaodikaody* toetra izy fony tanora. 3°—, Lozabe, dia, baribariana. Il a une naturel—. *Lozabe* izy. Peuples farouches. Firenena *lozabe,* etc.

FASCICULE, *sm.* Tapa-boky avoaka tsikelikely.

FASCINATION, *sf.* 1° Fanjambana, fanova-maso. 2° *fig.* Fahatalanjonana, fanajambana.

FASCINER, *va.* 1° Manisy fanjambana, fanova-maso. 2° *fig.* Maharenoka, mahajamba, mahasodóka. Son éloquence fascine les esprits. *Maharenoka* ny olona ny fahaizany mandaha-teny. On se laisse — par les grandeurs du monde. Mora *jamba, sodóky* ny voninahitr' izao tontolo izao ny olona.

FASHIONABLE, *adj.* et *sm.* Tia lamody, kasikasy.

FASTE, *adj. m.* Tsara. Jour —. Andro *tsara.*

FASTE, *sm.* 1° Voninahitra. Le—qui environne la royauté. Ny *voninahitra* ananan' ny mpanjaka. 2°—, Rehareha, haingo be loatra, renty be loatra. Il étale un grand—.Mampiseho *rehareha* lehibe izy. Le—de ses paroles subjugua quelques esprits. Ny teniny *be haingo loatra, be renty loatra* nahatarika olona sasany.

FASTES, *sm. pl.* Boky tantara, tantara.

FASTIDIEUSEMENT, *adv.* Mahadikidiky.

FASTIDIEUX, EUSE, *adj.* Mahadikidiky, maharikoriko, mahaboboka. C'est un homme —. Lehilahy *mahadikidiky, maharikoriko* io. C'est un ouvrage —. Boky *mahadikidiky,* etc., izany.

FASTUEUSEMENT, *adv.* 1° Amimboninahitra. 2°—, Amin-drehareha,aminkaingo be loatra.

FASTUEUX, EUSE, *adj.* Be rehareha, be haingo loatra, be renty loatra. C'est un homme—. Lehilahy *be rehareha* izy. Éloquence fastueuse. Fandaharan-teny *be haingo loatra, be renty loatra.*

FAT, *adj.* et *sm.* Mpirehaka, be rehaka, kasikasy, kovodahy.

FATAL, ALE, *adj.* 1° Raikitra, tsy azo ialana. Son heure fatale est arrivée. Tonga ny fotoana *raikitra* ho azy, *tsy azony ialana.* 2°—, Mampahita loza, mampididoza, mahafaty. Son ambition lui fut fatale., Ny fitsiriritany voninahitra *nampahita loza, nampidi-doza* azy. Il lui porta le coup—. Izy no *nahafaty* azy.

FATALEMENT, *adv.* 1° Avy amy ny vintana, raikitra. 2°—, Tsy amim-panambinana.

FATALISME, *sm.* Finoana ny vintana.

FATALISTE, *adj.* Momba ny vintana. Système —. Fampianarana *momba ny vintana.*

—, *sm.* Mpino ny vintana.

FATALITÉ, *sf.* 1° Vintana. 2°—, Loza, tsy fanambinana. Je ne sais quelle— me poursuit. Tsy fantatro izay ihavian' ny *loza* manjó ahy.

FATIGANT, ANTE, *adj.* 1° Mahasasatra, mahavalaka, mahavizana. Travail —. Asa *mahasasatra,* etc. Journée fatigante. Andro *mahavalaka.* 2° —, Manahirana, mahavaky tratra. C'est un élève—. Mpianatra *manahirana.* etc., io.

FATIGUE, *sf.* Hasasarana, havalahana, havizanana. Il ne craint pas la—.Tsy matahotra ny *hasasarana* izy.

FATIGUÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Sasatra, valaka, vizana, mampiseho hasasarana. Il est—du voyage. *Sasatra, valaka, vizan'* ny dia nalehany izy. Il a les traits fatigués. *Mampiseho hasasarana* ny tarehiny. 2°—. Sahirana, vaky tratra.

FATIGUER, *va.* 1° Mahasasatra, mahavalaka, mahavizana. Cette étude fatigue l'esprit. *Mahasasatra* ny saina izany fianarana izany. 2°—, Manahirana, mahavaky tratra. Il me fatigue par ses visites. *Manahirana* ahy ny famangiany ahy matetika.

Se fatiguer, *vpr.* Manasa-tena, misasatra. Ne vous fatiguez pas inutilement. Aza *manasa-tena,* etc., foana.

FATRAS, *sm.* 1° Korontan-javatra. 2° *fig.* Teny misafotofoto.

FATUITÉ, *sf.* Firehaka, hakasiana, hakevohana.

FAUBOURG, *sm.* Zana-bohitra mitohy amy ny tanána

FAUCHAGE, *sm.* Fijinjam-bilona.

FAUCHAISON, *sf.* Andro fijinjam-bilona.

FAUCHER, *va.* 1° Mijinja. —les foins. *Mijinja* vilona. 2° *fig.* Mandringana, mandripaka. La mort fauche tout. *Mandringana,* etc., ny olona rehetra ny fahafatesana.

FAUCILLE, *sf.* Antsy mifaraingo fijinjana

FAUCON, *sm.* Voromahery.

FAUFILER, *va.* Mamikavika, manjojótra, managoiampa.

Se faufiler, *vpr.* Misesika, misosososo, misisika.

FAUSSAIRE, *sm.* Mpangala-tsonia, mpamorona taratasy sandoka.

FAUSSE-ALARME, *sf.* Fampitairampoana, hatairam-poana.

FAUSSEMENT, *adv.* Tsy marina, lainga.

FAUSSE-MONNAIE, *sf.* Vola ratsy, korantimavo.

FAUSSE-PORTE, *sf.* Varavarana bambo.

FAUSSER, *va.* Mampivily saina, mahadiso hevitra, manoya. manimba, manameloka, mampipepo. Cet enseignement a faussé l'esprit de mon enfant. Izany fampianarana izany *nampivily saina, nahadiso hevitra* ny zanako. Il a faussé le sens du texte. *Nanova* ny hevitry ny teny nalaina izy. Cela lui a faussé la voix. *Nanimba* ny feony izany. Il a faussé la serrure, la clef. *Nanimba* ny hidintrano, ny fanalahidy izy. Il a faussé le compas. *Nomelohiny* ny kompá. —une cuirasse. *Mampipepo* ampinga.

Se fausser, *vpr.* Mivily saina, simbana, mihameloka, mipepo.

FAUSSET, *sm.* Feo an-doha.

FAUSSETÉ, *sf.* 1° Tsy fahamarinana, hadisoana, hadisoan-kevitra, hevi-diso, zavatra tsy marina. La—de cette nouvelle a été reconnue. Efa hita ny *tsy fahamarinan'* izany zava-baovao izany. Il est difficile de corriger la—de l'esprit. Sarotra ny manitsy ny *hadisoan*-tsaina. C'est une—manifeste. *Hadisoan-kevitra, hevi-diso* miharihary izany. Cette histoire est pleine de faussetés. Feno *zavatra tsy marina* izany tantara izany. 2°—, Fihatsarambelatsihy. Sa —sera démasquée. Hiseho ny *fihatsarambelatsihiny.*

FAUTE, *sf.* 1° Hadisoana, fahotana, ota, heloka. Dieu lui pardonna ses fautes. Navelan' Andriamanitra ny *hadisoany,* etc. —légère. *Hadisoana* kely, *fahotana, ota* madinika. —grave. *Fahotana, ota* lehibe, *heloka* be vava. 2°—, Antony, fotony. Si l'entreprise a échoué, ce n'est pas ma—. Raha tsy vanona ny raharaha, tsy izaho no *antony, fotony.* 3°—, Diso. Il a fait dix fautes d'orthographe. Nisy *diso* tsipelina folo ny sorany.

Faute de, *loc. prép.* Noho ny tsy fisiany, noho ny tsy.... Le combat cessa— de combattants. Nitsahatra ny ady *noho ny tsy fisian'* ny mpiady. Nous jugeons

souvent mal,— de bien examiner. *Noho ny tsy* fandinihana tsara dia diso hevitra matetika isika.

Sans faute, *loc. adv.* Tsy maintsy. Je viendrai demain sans —. *Tsy maintsy* ho avy aho rahampitso.

FAUTEUIL, *sm.* Sezabe.

FAUTEUR, TRICE, *s.* Mpanampy, mpamporisika, mpanambosy.—de rébellion. *Mpanampy*, etc., ny mpikomy.

FAUTIF, IVE, *adj.* Diso. misy diso. Il est — dans ses citations. *Diso* amy ny teny nalainy izy. Cette table est fautive. *Misy diso* amin' izany fizahan-takelaka izany.

FAUVE, *adj.* et *s.* Mavomena. Bêtes fauves. Biby *mavomena* toy ny serfa.

FAUX, *sf.* Antsy lehibe fijinjan' ny Vazaha vilona.

FAUX, FAUSSE, *adj.* 1° Tsy marina, tsy to. diso, tsizy, ankosoka, sandoka, solo. Fausse nouvelle. Zava-baovao *tsy marina*. Cela est —. *Tsy marina* izany. — témoin. Vavolombelona *tsy marina*. Faire un — serment. Mianiana *tsy marina, tsy tò*. Il suit une religion fausse. Manaraka fivavahana *tsy marina, diso, tsizy* izy. Il adorait les—dieux. Nivavaka tamy ny andriamanitra *tsizy* izy. Fausse joie. Hafaliana *tsy marina, tsizy, ankosoka*. —zèle. Fahazotoana *ankosoka*. —poids. Vato *tsy marina*. Ce calcul est—. *Diso* izany marika izany. Il a un jugement—. *Diso* fitsara zavatra izy. Faire fausse route. *Diso* lálana; *fig. diso* hevitra. Il fait—, il a la voix fausse. *Diso* faka feo, mivalam-peo izy. Il a pris un — nòm. Naka anaran-*tsandoka* izy. C'est une fausse signature. Sonia *sandoka* izany. —prophète. Mpaminany *sandoka*. Fausse barbe. *Solom*-bolom-bava. —cheveux. *Solo* volo. Fausse dent. *Solo* nify. 2°—, Mpihatsaravelatsihy, mody, manody. C'est un homme—, il a le cœur —. *Mpihatsaravelatsihy* izy. —ami. Olona *mody* sakaiza, sakaiza *manody*.

—, *sm.* Ny tsy marina, ny tsy to. Discerner le vrai d'avec le—. Manavaka ny marina amy ny *tsy marina*. 2°—, Hala-tsonia. Faire un —. *Mangala-tsonia*.

À faux, *loc. adv.* Lainga, tsy marina, tsy to. C'est lui qui l'a accusé à—. Izy no niampanga *lainga*, etc., azy.

FAUX-BOND, *sm.* 1° Fivily fiantsambotra. La balle a fait un—. *Nivily fiantsambotra* ny baolina. 2° *fig.* Faire— à quelqu'un. Mandiso fotoana natao tamin-olona, tsy mahatanteraka ny teny napetraka tamin' olona.

FAUX-COL, *sm.* Solo vozona.

FAUX-FRAIS, *sm. pl.* Ny lany kely madinika.

FAUX-FRÈRE, *sm.* Sakaiza manody.

FAUX-FUYANT, *sm.* 1° Sampanan-dalana mihodivitra. 2° *fig.* Fanarian-dia, fihodivirana. fialana. Employer des faux-fuyants. *Manary dia, mihodivitra*, manao *fialana*.

FAUX-JOUR, *sm.* Maizimaizina.

FAUX-MONNAYEUR, *sm.* Mpanao vola ratsy, — korantimavo.

FAUX-PAS, *sm.* Fisolifaka. Faire un—. *Misolifaka* ; *fig.* diso.

FAVEUR, *sf.* 1° Soa, fahasoavana, fanambinana. J'ai reçu une grande — du roi. Nahazo *soa* lehibe tamy ny mpanjaka aho. Ce sont des faveurs du ciel. *Soa*, etc., avy any an-danitra izany. 2°—, Fitia, fitiavana, sitraka, fankasitrahana, fitokiana, hamamian-koditra. Il a gagné la—du ministre. Nahazo *fitia, sitraka* tamy ny ministra izy. Il brigue la—du peuple. Mila *fitia, sitraka* amy ny vahoaka izy. Il est en—auprès du roi. *Tiana, ankasitrahana, itokian'* ny mpanjaka, *mamy hoditra* amy ny mpanjaka izy. C'est la— qui l'a placé où il est. *Fitiavana* hiany no nahazoany izany raharaha izany.

En faveur de, *loc. prép.* Noho, ho, manasoa, tsara. On lui pardonna en—des belles actions qu'il avait faites. Navela ny helony *noho* ny soa nataony. Il a fait son testament en—de son ami. Nandidy ny hareny *ho* any ny sakaizany izy. Il fit beaucoup en—des sciences. *Nanasoa* loatra ny fahaizana samihafa izy. Je lui parlerai en votre —. Hataoko *tsara* lazaina aminy hianao.

À la faveur de, *loc. prép.* Misy. Il s'est sauvé à la—de la nuit. Ny alina no *nisy* handosirany.

FAVORABLE, *adj.* 1° Tia, mankasitraka, mitahy, manasoa, manampy, manambina. Le roi lui est—. *Tiana, ankasitrahan'* ny mpanjaka izy. Que Dieu vous soit —! Aoka *hotahina, hohasoavina, hampiana, hambinin'* Andriamanitra anie hianao! 2°—, Tsara. Nous avons un temps—. *Tsara* andro isika. Vent—. Rivotra *tsara*. Avoir une opinion—de quelqu'un. Mihevitra olona ho *tsara*.

FAVORABLEMENT, *adv.* 1° Amim-pitiavana, amim-pankasitrahana. On l'a

écouté—. Nohenoina *tamim-pitiavana* izy. 2°—, Tsara. Juger—de quelqu'un. Mihevitra olona ho *tsara*.

FAVORI, ITE, *adj*. Tiana indrindra. C'est sa lecture favorite. Izany no boky *tiany indrindra* hovakiny.

—, *s*. Olona tiana indrindra, olona malala indrindra. C'est le — du roi. *Olona tiana, malalan'* ny mpanjaka *indrindra* izy.

—, *sm*. Vaoka.

FAVORISER, *va*. 1° Tia, mankasitraka, mitahy, manasoa, manampy, manambina, miandany, miangatra, mizaha tavan' olona. Il est favorisé du prince. *Tiana, ankasitrahan'* ny mpanjaka izy. Il a été favorisé du Ciel. *Notahina, nohasoavina, nambinin'* Andriamanitra izy. Il m'a favorisé dans mon entreprise. *Nanampy* ahy tamy ny raharahako izy. Il favorisait les Romains. *Nanampy* ny Romana, *niandany* tamy ny Romana izy. Un juge ne doit pas—une partie. Tsy mety raha ny mpitsara no *miangatra, mizaha tavan' olona*. 2° —, Tsara, misy, mampan...., mampi.... Le temps nous a favorisés dans notre voyage. *Tsara* ny andro tamy ny dia nalehantsika. L'obscurité favorisa sa fuite. Ny maizina no *nisy* handosirany. Cette loi favorise la licence. *Mampanaram-po, mampiliba* izany lalána izany.

Se favoriser, *vpr*. Mifampitahy, mifanasoa, mifanampy.

FÉBRICITANT, ANTE, *adj*. et *s*. Tazoina.

FÉBRIFUGE, *adj*. et *sm*. Ody tazo. C'est une plante—. *Ody tazo* izany zava-maniry izany.

FÉBRILE, *adj*. 1° Momba ny tazo. 2° *fig*. Ardeur—. Faharisihana izaitsizy.

FÉCAL, ALE, *adj*. Matière—. Diky, fivalanana.

FÉCOND, ONDE, *adj*. 1° Miteraka, manao tera-bitro, maro anaka, manahady. Femme féconde. Vehivavy *miteraka, manao tera-bitro, maro anaka*. Brebis féconde. Ondrivavy *maro anaka, manahady*. 2°—, Mahavokatra, lonaka, be, mahaforona zavatra betsaka, mora itarina. Sol—. Tany *mahavokatra, lonaka*. Pluie féconde. Ranonorana *mahavokatra*. Source féconde. Loharano *be* rano. Ville féconde en grands hommes. Tanána *be* olo-malaza. C'est un auteur—. Mpamorom-boky *mahaforona boky betsaka* izy. Sujet—. Foto-teny *mora itarina*.

FÉCONDANT, ANTE, *adj*. 1° Mampiteraka, mampanjary voany. Poussière fécondante des végétaux. Vovoka *mampanjary voany* amy ny zava-maniry. 2° —, Mampahavokatra, mahavokatra, mahalonaka. Chaleur fécondante. Hafanana *mampahavokatra, mahavokatra*. Limon—. Dilatra *mahalonaka*.

FÉCONDATION, *sf*. Fiterahana, fanjariana ho voany.

FÉCONDER, *va*. 1° Mampiteraka, mampanjary voany. 2°—, Mahavokatra, mahalonaka.

FÉCONDITÉ, *sf*. 1° Fiterahana, fanahady. La—du lapin est remarquable. Mahagaga ny *fiteraka*, etc., ny bitro. 2°—, Havokarana, halonaka, habetsahan-javatra foronina. La—de son esprit est remarquable. Mahagaga ny *habetsakan-javatra foronin'* ny sainy.

FÉCULE, *sf*. Tavolo. —de manioc. *Tavolo* mangahazo.

FÉDÉRAL, ALE, *adj*. Momba ny faritany maro mitambatra ho fanjakana iray. On doit suivre le pacte—. Tsy maintsy arahina ny fanaikena *nataon' ny fari-tany maro mitambatra ho fanjakana iray*.

FÉDÉRATIF, IVE, *adj*. Mitambatra ho fanjakana iray. La Suisse est un État—. Ny Soisa dia fanjakana misy faritany maro *mitambatra ho fanjakana iray*.

FÉDÉRÉ, ÉE, *adj*. Mitambatra ho fanjakana iray. Les États fédérés. Ny faritany maro *mitambatra ho fanjakana iray*.

FÉE, *sf*. Vehivavy masina ody lazain' ny angano.

FÉERIE, *sf*. 1° Fahefan' ny *fée*, fankatoavana. 2° *fig*. Zavatra mahagaga.

FÉERIQUE, *adj*. 1° Ataon' ny *fée*, misy fankatoavana. 2° *fig*. Mahagaga.

FEINDRE, *va*. 1° Mody... Il feint d'être malade. *Mody* marary izy. 2°—, Mamorona. Il feint des choses qui ne sont pas raisonnables. *Mamorona* zavatra tsy misy heviny izy.

FEINT, EINTE, *p*. et *adj*. 1° Ankosoka, hambo. Une amitié feinte. Fisakaizana *ankosoka*. Porte feinte. Varavarana *hambo*. 2°—, Foronina.

FEINTE, *sf*. Zavatra ankosoka, fihatsarambelatsihy. Sa dévotion n'est que—. *Ankosoka* hiany ny fitiavany vavaka. Il m'a surpris par ses feintes. Nanodóka ahy ny *fihatsarambelatsihiny*.

FÊLÉ, ÉE, *adj.* 1° Misy vaky, mitsefaka, mitriatra. Assiette fêlée. Vilia *misy vaky,* etc. Cloche fêlée. Lakolosy *misy vaky, mitsefaka* 2° *fig.* Avoir la tête fêlée. Adaladala, ondranondranana, manasatsasaka.

FÊLER, *va.* Mamaky, mampitsefaka, mampitriatra.

Se fêler, *vpr.* Vaky, mitsefaka, mitriatra.

FÉLICITATION, *sf.* Fiarahabana, famangiana.

FÉLICITÉ, *sf.* Hasambarana, fahasambarana, hafinaretana, fahafinaretana. La — éternelle. Ny *hasambarana,* etc., mandrakizay.

FÉLICITER, *va.* Miarahaba, mamangy. Je vous félicite de l'honneur que vous avez reçu. Avy *miarahaba, mamangy* anao aho noho ny voninahitra azonao.

Se féliciter, *vpr.* Faly. Je me félicite de l'avoir choisi pour cet emploi. *Faly* aho noho ny nifidianako azy hanao izany raharaha izany.

FÉLON, ONNE, *adj.* et *s.* Mpamadika, mpivadika.

FÉLONIE, *sf.* Famadihana, fivadihana.

FÊLURE, *sf.* Ny vaky, ny mitsefaka.

FEMELLE, *adj.* et *sf.* Vavy, vady. Une perdrix—. Papelika*vavy.* La vache est la — du taureau. Ny ombivavy no *vadin'* ny ombalahy.

FÉMININ, INE, *adj.* Any ny vehivavy, any ny vavy. Les ruses féminines. Ny hafetsen' *ny vehivavy.* Cet homme a le visage—. Mitarehim-*bavy* io lehilahy io. Il a des manières féminines. Mitoe-*bavy,* misarim-*bavy* izy.

—, *sm.* Feminina.

FEMME, *sf.* 1° Vehivavy. Sa mère est une excellente—. *Vehivavy* tsara fanahy reniny. Les femmes sont timides. Saro-tahotra ny *vehivavy.* 2°—, Vehivavy lehibe, vehivavy manam-bady, vavy, vady. Les femmes et les filles. Ny *vehivavy lehibe* sy ny zazavavy. Sa — est heureuse. Sambatra ny *vavy,* ny *vadiny.* Il a perdu sa —. Maty *vady* izy. Il cherche—. Mitady *vady* izy. 3°—, Mpanompovavy. —de chambre. *Mpanompovavy* mpikanonkanona ny ao an-trano.

FEMMELETTE, *sf.* 1° Vehivavy osaosa. Il suit les avis d'une—. Manaraka hevi*behivavy* izy. 2°—, Tena vehivavy, mikovavy. Cet homme n'est qu'une—. *Tena vehivavy,* etc., io lehilahy io.

FÉMUR, *sm.* Taolam-pe.

FENAISON, *sf.* Taom-pijinjam-bilombazaha.

FENDANT, *sm.* Mahery am-bava. Il fait le—. *Mahery am-bava* izy.

FENDEUR, EUSE, *s.* Mpamaky.—de bois. *Mpamaky* hazo.

FENDILLÉ, ÉE, *adj.* Mitriatra, mitsefaka, vakivaky.

FENDILLER (SE), *vpr.* Mitriatra, mitsefaka, vakivaky. Ce bois se fendille. *Mitriatra,* etc., io hazo io.

FENDRE, *va.* 1° Mamaky, manataka, mamendrana, mampitriatra, mampitsefaka, mampiveraka, mampitresaka, mahavaky hentana. —du bois. *Mamaky* hazo. —une planche en deux. *Mamaky* hazo fisaka ho roa, manasaka hazo fisaka. —la tête d'un coup de sabre. *Mamaky* loha amy ny sabatra. Le navire fend les vagues. *Mamakivaky* ny onjandrano ny sambo. Je n'ai pu — la foule. Tsy *nahavaky* ny vahoaka aho. Fendez ce soulier avec le couteau. *Tataho* amy ny antsy io kiraro io. —un poulet en deux. *Mamendrana* akoho. La trombe a fendu le mur. Ny rambon-danitra *nampitriatra, nampitsefaka, nampiveraka* ny rindrina. Le tremblement de terre a fendu le rocher. *Nampitresaka* ny vatolampy ny horohoron-tany. La sécheresse a fendu le sol. *Nahavaky hentana* ny tany ny hainandro. 2° *fig.* Ce tapage me fend la tête. Manahirana ahy loatra izany tabataba izany. Cela me fend le cœur. Mahonisa ny foko izany.

Se fendre, *vpr.* Vaky, mitataka, mitriatra, mitsefaka, miveraka, mitresaka, vaky hentana.

FENDU, UE, *p.* et. *adj.* Vaky, voavaky, novakina, mivaky, tataka, voatataka, notatahana, mitataka, triatra, mitriatra, mitsefaka, miveraka, mitresaka, vaky hentana.

FENÊTRE, *sf.* Varavaran-kely, varavaram-pitaratra.

FENOUIL, *sm.* Karaoty manitra.

FENTE, *sf.* Vaky, mitriatra, mitsefaka, miveraka, mitresaka, vaky hentana. Il y a beaucoup de fentes à cette muraille, à ce rocher, dans ces rizières. Be ny *vaky,* ny *mitriatra,* ny *mitsefaka,* ny *miveraka* amin' izany rindrina izany, be ny

vaky, ny *mitresaka* amin' izany vatolampy izany, be ny *vaky hentana* amin' ireto tanimbary ireto.

FÉODAL, ALE, *adj*. Momba ny menakely.

FÉODALITÉ, *sf*. Ny fomban' ny menakely.

FER, *sm*. 1° Vy. Chaîne de—. Rojo *vy*. Faire une marque avec un — rouge. Manamarika amy ny *vy* mena. 2°—, Lela. Le — d'une lance. Ny *lela* lefona. 3°—, Sabatra, benitra, lefom-pohy, etc. Il plongea le — dans le cœur de son ennemi. Notrobarany *sabatra*, etc., ny fon' ny fahavalony. 4°—, Fera, fanaovana tsongovy, fanombohana. —à friser. *Fanaovana tsongovy*. Fers à dorer. *Fanombohana* anaovana ankoso-bolamena. 5° —, Kitrovin-tsoavaly. ‖ *loc*. Tomber les quatre fers en l'air. Lavo mitsilany. 6° *fig*. Il a un corps de —. Maharitra ny hasasarana izy. C'est une tête de —. Tsy mety kivin-java-tsarotra izy. 7°—, *pl*. Gadra. tranomaizina, fahababeana, fahoriana. Il est dans les fers. *Migadra*, ao an-*tranomaizina*, *voababo* izy. Le peuple brisa ses fers. Nanafa-tena tamy ny *fahoriana* nanjó azy ny vahoaka.

FER-BLANC, *sm*. Vifotsy.

FERBLANTIER, *sm*. Mpanefy vifotsy.

FÉRIÉ, *adj. m*. (Andro) tsy iasana.

FÉRIR, *va*. Sans coup —. Moramora. On prit la ville sans coup —. Azo *moramora* ny tanána.

FERMAGE, *sm*. Hofan-tany.

FERME, *adj*. 1° Mafy. Terrain —. Tany *mafy*. Plancher—. Rihana *mafy*. 2°—, Miraikitra mafy, matanjaka, tsy mangovitra, kinga. Il est — à cheval. *Miraikitra mafy* eo ambony soavaly izy. Il a la main —. *Matanja*-tánana izy. Il a la main — lorsqu'il écrit. *Tsy mangovi*-tánana, *kinga* tánana izy raha manoratra. 3° *fig*. Mafy, mahery fo, maharitra, sahy. Faire une — résolution. Manao fikasana *mafy*. Il a l'âme —. *Mahery fo* izy. Il resta — dans la foi. *Naharitra* tamy ny finoana izy. Il lui dit d'un ton —. Tamin-*kerim-po*, tamin-*kasahiana* no nilazany taminy hoe.... Il combattit de pied —. Niady tamim-*kerim-po*, tamin-*kasahiana* izy.

—, *adv*. 1° Mafy. Tenir quelque chose bien —. Mihazona *mafy* ny zavatra anankiray. 2° *fig*. Mafy, amin-kerim-po, amin-kasahiana. Il tint — contre l'ennemi. Nanohitra *mafy* ny fahavalo, nanohitra ny fahavalo *tamin-kerim-po*, *tamin-kasahiana* izy.

FERME, *sf*. 1° Fanofan-tany. J'ai donné mes terres à —. *Nahofako* ny taniko. Prendre à —. *Manofa tany*. Prix de —. *Hofan-tany*. 2° —, Saha, trano analy saha. Il a acheté une —. Nividy *saha* izy. Il rentre à la —. Mody ao an-*trano* izy. 3°—, Ny sakamandimby sy ny andry antaingina ary ny dakany.

FERMÉ, ÉE, *p*. et *adj*. 1° Voakatona, nakatona, mikatona, voarindrina, narindrina, mirindrina, voahidy, nohidiana, mihidy. 2°—, Voatampina, tampina, notampenana, mitampina, voasakana, nosakanana, voakombona, nakombona, mikombona, mitsentsina. 3°—, Voafefy, nofefena, mifefy, nasiana tamboho, misy tamboho, — rova, — vala. 4° —, Tapitra, notaperina, voafarana, nofaranana.

FERMEMENT, *adv*. 1° Mafy. 2° *fig*. Mafy, amin-kerim-po, amim-paharetana, amin-kasahiana.

FERMENT, *sm*. 1° Lalivay, ranom-pototra. 2° *fig*. Fototra. —de discorde. *Fototry* ny tsy fifanarahana.

FERMENTATION, *sf*. 1° Fivontosana, fandroatra, famorivory, fiketriketrika. 2° *fig*. Fikorontanana. Les esprits étaient dans la plus grande —. *Nikorontana* be hiany ny olona.

FERMENTER, *vn*. 1° Mivonto, mandroatra, mamorivory, miketriketrika. Le levain fait—la p te. Ny lalivay *mampivonto* ny lafarina. La bière fermente. *Mandroatra, mamorivory* ny labiera. Le vesou fermente. *Mandroatra, mamorivory, miketriketrika* ny ranompary. 2° *fig*. Mikorontana. Sa tête fermente. *Mikorontana* ny sainy.

FERMER, *va*. 1° Manakatona, mandrindrina, manidy. —à clef. *Manidy*. Fermez ma chambre. *Akatony, arindrino, hidio* ny tranoko. 2°—, Manampina, misakana, manakombona, manentsina. On a fermé le chemin. *Voatampina* ny lálana. Les ennemis ferment le passage. *Misakan*-dálana ny fahavalo. Fermez le livre. *Akombony* ny boky. —la bouche. *Manakombom*-bava, *mikombom*-bava. —la bouche à quelqu'un. *Manampim*-bava olona, mandresy lahatra olona. —l'oreille aux médisances.

Manentsin-tadiny mba tsy hihaino fosan' olona. || *loc.* —les yeux. Mikimpy. Elle ferme les yeux sur les fautes de son fils. Minia *mikimpy* tsy hahita ny hadisoan-janany izy —les yeux à une personne qui vient d'expirer. Manirina olona. Ne pouvoir—les yeux de toute la nuit. Tsy mahita tory mandritra ny alina. 3°—, Mamefy, manisy tamboho, — rova, — vala. — un emplacement. *Mamefy* tokotany, *manisy tamboho, rova, vala* manodidina ny tokotany. Comme CLORE. 4°—, Manapitra, mamarana, vody. — une discussion. *Manapitra, mamarana* ady hevitra. Il ferme la marche. *Vody* lálana izy.

—, *vn.* Mikatona, mirindrina, mihidy, hidiana. La porte ne ferme pas bien. Tsy *mikatona, mirindrina, mihidy* tsara ny varavarana. Ce magasin ferme à cinq heures. *Mihidy, hidiana* amy ny dimy io trano fivarotana io.

Se fermer, *vpr.* 1° Mikatona, mirindrina. Cette porte se ferme d'elle-même. *Mikatona, mirindrina* ho azy io varavarana io. 2°—, Mihatampina, mikombona, mihombona, mihorona. L'entrée du port s'est fermée peu à peu. *Nihatampina* tsikelikely ny fidirana ao amy ny seranana. La plaie se ferme. *Mihatampina, mikombona* ny vava fery. Les feuilles de cette plante se ferment au coucher du soleil. *Mihorona* ny ravin' io zava-maniry io, raha milentika ny masoandro.

FERMETÉ, *sf.* 1° Hamafy, hamafiana. Ce terrain manque de—. Tsy *mafy* io tany io. 2°—, Hatanjahana, tsy fangovitana, hakingana. Il a une grande—de jarret. *Matanjaka* ny tongony. 3° *fig.* Hamafy, herim-po, faharetana, hasahiana. Il montra une grande — au milieu des tourments. Nampiseho *herim-po, faharetana* mahagaga tao ampovoan' ny fijaliana izy. Il parla avec —. Nitony tamin-*herim-po*, tamin-*hasahiana* izy.

FERMETURE, *sf.* 1° Hidy. 2°—, Fanakatonana, fandrindrinana, fanidiana.

FERMIER, IÈRE, *s.* Mpanofa tany.

FERMOIR, *sm.* Hidim-boky.

FÉROCE, *adj.* Masiaka, baribariana. Les bêtes féroces. Ny biby *masiaka*. Peuple—. Firenena *masiakà*, etc. Il a un air—. Miendrik' olo-*masiaka* izy.

FÉROCITÉ, *sf.* Hasiahana.

FERRAILLE, *sf.* Tapatapa-by.

FERRAILLER, *vn.* 1° Miady amy ny sabatra, tia ady sabatra. 2° *fig.* Mifanditra, mifanjihitra, miady vava.

FERRAILLEUR, *sm.* 1° Mpivarotra tapatapa-by. 2°—, Mpiady amy ny sabatra, olona tia ady sabatra. 3° *fig.* Mpifanditra, mpifanjihitra, mpiady vava.

FERRANT, *adj. m.* Maréchal—. Mpanao kitrovin-tsoavaly.

FERRÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Nasiana vy, misy vy. Bâton—. Tehina *misy vy*. 2° *fig.* Mahay. Il est — sur l'histoire. *Mahay* izy amy ny tantara.

FERRER, *va.* 1° Manisy vy, manisy hidy sy savily. —des roues. *Manisy vy* manodidina ny kodiarana. —une armoire. *Manisy hidy sy savily* ny lalomoara. 2°—, Manisy kitrový. —un cheval. *Manisy kitrový* ny soavaly.

FERRUGINEUX, EUSE, *adj.* Misy vy. Terre ferrugineuse. Tany *misy vy*. Eaux ferrugineuses. Rano *misy vy*, ranom-*by*.

FERRURE, *sf.* Vy, ny hidy sy ny savily. La — de cette porte n'est pas solide. Tsy mafy *ny hidy sy ny savilin*'io varavarana io.

FERTILE, *adj.* 1° Mahavokatra, lonaka, be, zina. Champ—. Tanimbary *mahavokatra, lonaka*. Pays — en vin. Tany *be* divay. Année—. Taon-*jina*. 2° *fig.* Mahaforon-javatra betsaka, mora itarina. C'est un esprit —. Olona *mahaforon-javatra betsaka* izy. Sujet —. Foto-teny *mora itarina*.

FERTILISER, *va.* Mahavokatra, mampahavokatra, mahalonaka.

Se fertiliser, *vpr.* Mihalonaka.

FERTILITÉ, *sf.* 1° Havokarana, fahavokarana, halonaka, hazina. 2° *fig.* Habetsahan-javatra foronina. Voy. FÉCONDITÉ.

FÉRULE, *sf.* 1° Fikapohan-tánana. 2° *fig.* Être sous la — de quelqu'un. Fehezin' olona.

FERVENT, ENTE, *adj.* Mazoto, marisika, mafana fo, maimay, atao amin-kafanam-po. Religieux —. Relijiozy *mazoto, marisika*. Prière fervente. Fivavahana *atao amin-kafanam-po*.

FERVEUR, *sf.* Fahazotoana, zotom-po, faharisihana, hafanam-po, fo maimay. Il prie Dieu avec—. Mivavaka amin' Andriamanitra amim-*pahazotoana*, etc., izy. Il sert Dieu avec —. Manompo

an'Andriamanitra amim-*pahazotoana*, amin-*jotom-po*, amim-*paharisihana* izy.

FESSE, *sf.* Ravim-body.

FESSER, *va.* Mikapoka ravim-body. Fessez cet enfant. Ataovy mendy ny *ravim-bodin'* io zaza io.

FESTIN, *sm.* Fanasana, fihinanam-be. Il a été invité au —. Nasaina ho any amy ny *fanasana*, etc., izy.

FESTINER, *vn.* Manao fihinanam-be.

FESTON, *sm.* 1° Tanjo-miolaka atao amy ny ravin-kazo sy voninkazo. La porte de l'église était ornée de festons. Voaravaka *ravin-kazo sy voninkazo natao tanjo-miolaka* ny varavaran'ny trano le-gl'zy. Les corniches sont ornées de festons. Miravaka *ravin-kazo sy voninkazo natao tanjo-miolaka* ny koronosy. 2° —, Festony.

FESTONNÉ, ÉE, *adj.* Misy festony. Collerette festonnée. Vozon'akanjo *misy festony*.

FESTONNER, *va.* Manisy festony.

FÊTE, *sf.* Fety, andro lehibe, andro fifaliana. Le jour de Noël est une — chômée. *Fety, andro lehibe* tsy iasana ny andro Noely. C'est demain votre—. *Fetinao* rahampitso. Il y eut — à l'occasion de la paix. Noho ny nifanarahan' ny fanjakana roa tonta indray dia nanao *andro lehibe, andro fifaliana*. Hier nous avons eu une — de famille. Nanao *andro fifaliana* izahay mianakavy omaly. La—des morts. Ny *andro* fahatsiarovana ny maty.

FÊTE-DIEU, *sf.* Fetin' ny Sakramenta Masina.

FÊTER, *va.* 1° Manao fety. On fête aujourd'hui St-Jean-Baptiste. Anio no *atao* ny *fetiny* Md. Joany Batista. 2° *fig.* Mandray amin-kafaliana. —un ami. *Mandray* sakaiza *amin-kafaliana*.

FÉTICHE, *sm.* Sampy, ody. Le culte des fétiches. Ny fanompoan-*tsampy*. Porter un — au cou. Miambozona *ody*.

FÉTICHISME, *sm.* Fanompoan-tsampy.

FÉTIDE, *adj.* Mantsina, mavoroka. Vapeur—. Fofon-dratsy *mantsina*, etc.

FÉTIDITÉ, *sf.* Hantsina, havoroka.

FÉTU, *sm.* 1° Tapak'ahitra. 2° *fig.* Zavatra tsinontsinona.

FEU, *sm.* 1° Afo. Attiser le—. Misorona *afo*. —de paille. *Afo*-mololo. Faire du—. Manao *afo*. Mettre le — à un canon. Manatsolo *afo* tafondro. 2°—, Hain-trano, fandoroana. Tout le monde court au—. Mirohotra mamonjy *hain-trano* daholo ny vahoaka. Le — est à la maison. *May* ny trano. On a mis le — à sa maison. *Nodoran'* ny sasany ny tranony. 3°—, Fanilo, fanala, harendrina, tselatra. En mer on voit les feux de la côte. Hita raha eny ambonin' ny ranomasina ny *fanilo*, ny *fanala* eny amoron-drano. Feux de joie. *Harendrina*. Le ciel est tout en—. *Mitselatselatra* ny lanitra. 4°—. Rere, poa-basy, poa-tafondro, ady, fanafihana, fitifirana, fandefasana. —de peloton. *Rere*. Accoutumer un cheval au —. Manazatra soavaly amy ny *poa-basy, poa tafondro*. Les ennemis faisaient un — terrible. Nahatsiravina ny *basy* sy ny *tafondro* nafitsoky ny fahavalo. Ce soldat n'a pas encore vu le—. Tsy mbola tany an'*ady*, tsy mbola *nanafika* io miaramila io. Il fit — sur lui. *Nitifitra* azy izy. Faire — des deux bords. *Mandefa* tafondro amy ny andaniny roan' ny sambo. —! *Alefao!* 5°—, Tafon-trano. Il y a cent feux dans ce village. Misy zato *tafo* ny *trano* amin' izany vohitra izany. ‖ *loc.* N'avoir ni — ni lieu. Mirenireny. 6° *fig.* Firehitra, hamena, faharisihana, hafanam-po. Il était si fort en colère, qu'il avait les yeux tout en—. *Nirehitry* ny hatezerana ny masony, tezitra mafy loatra izy, ka efa *mena* ery ny masony. Il prit — à l'instant. *Nirehitry* ny hatezerana tampoka izy. La prière amortit le — de la concupiscence. Ny fivavahana mamolaka ny *firehitry* ny filan-dratsin' ny nofo. Le—de l'amour divin consumait son âme. *Nirehi*-pitiavana an' Andriamanitra ny fony. Il ralluma le — de la guerre. *Nampirehitra* ny ady indray izy. Le— de la jeunesse. Ny *faharisihan'* ny tanora. Cet orateur a du—. *Mirehidrehitra, mafana fo* io mpandaha-teny io. Ce discours est plein de—. *Mirehidrehitra*, be *hafanam-po* izany laha-teny izany.

FEU, FEUE, *adj.* Ny masina, ny mpanjaka farany, tompokolahy, tompokovavy, rabevoina. Feue la reine Rasoherina est enterrée au nord du palais. Ny *masina* Rasoherina milevina ao anaty rova avaratra. Du temps de la feue reine. Tamy ny nanjakan' ny *mpanjaka farany*. — un tel. *Itompokolahy* Ranona. — Rakoto mon esclave. *Ibevoin'* Ikoto ankizilahiko.

FEUDATAIRE, *sm.* Andrian-tompo-

menakely fehezin' andrian-tompomenakely hafa.

FEUILLAGE, *sm.* 1° Ravin-kazo. Il s'abrita sous un — touffu. Nialokaloka teo ambanin' ny *ravin-kazo* matevina izy. 2°—, Rantsan-kazo. La porte était ornée de —. Voahaingo *rantsan-kazo* ny varavarana.

FEUILLAISON, *sf.* Andro fitsirian' ny ravin-kazo.

FEUILLE, *sf.* 1° Ravina. — de rosier. *Ravin*-draozy. — de papier. *Ravin*-taratasy. Pousser des feuilles. *Mandravina.* Perdre ses feuilles. Mihintsan-*dravina.* —de rose. *Ravim*-bonin-draozy. 2°—, Ravin-taratasy, takelaka, elaka. Combien de feuilles faut-il pour ce livre? *Ravin-taratasy* firy no ho lany amin' izany boky izany ? —de fer-blanc. *Takela*-bifotsy. — de carton. *Takela*-baoritra. — d'or. *Ela*-bolamena. Se détacher par feuilles. *Mielakelaka.* 3°—, Taratasy, gazety. La — n'est pas encore signée. Tsy mbola voaisy sonia ny *taratasy.* Cette — ne paraît plus. Tsy mivoaka intsony izany *gazety* izany.

FEUILLÉE, *sf.* Rantsan-kazo. Danser sous la —. Mandihy ambanin' ny *rantsan-kazo.*

FEUILLET, *sm.* 1° Takela-taratasy. Un — contient deux pages. Ny *takela-taratasy* iray misy pejy roa. 2°—, Vorivorin-kena.

FEUILLETER, *va.* Mamadibadika takela-taratasy, mitety —.

FEUILLETON, *sm.* Tantara kely na fandinihan-javatra fametraka ao ambanin' ny gazety.

FEUILLU, UE, *adj.* Be ravin-kazo. Arbre —. Hazo *be ravina.*

FEUILLURE, *sf.* Letam-baravarana, rabatra.

FEUTRE, *sm.* 1° Bonia, bonetra. Chapeau de —. Satroka *bonia,* etc. 2°—, Satroka bonia, — bonetra.

FÈVE, *sf.* Karazam-boan-javatra mitovitovy amy ny tsaramaso.

FÉVRIER, *sm.* Volana faharoa amy ny volana vazaha.

FI, *int.* Eisy, isy! — donc! allez-vous-en. *Eisy, isy!* mandehana any. Faire — d'une chose. *Misitra* amin-javatra.

FIACRE, *sm.* Kalesy fitondra ao antanána.

FIANÇAILLES, *sf. pl.* Fifamofoana.

FIANCÉ, ÉE, *s.* Fofom-bady.

FIANCER, *va.* Mampifamofo vady, mamofo vady.

Se fiancer, *vpr.* Mifamofo.

FIBRE, *sf.* 1° Tsiratsiraka, hozatra. 2° *fig.* Il a la—sensible. Mora taitra, mora sosotra izy.

FIBREUX, EUSE, *adj.* Mitsiratsiraka, hozatina. Chair fibreuse. Nofo *mitsiratsiraka.* Bois —. Hazo *mitsiratsiraka.* Écorce fibreuse. Hodi-kazo *hozatina.*

FICELER, *va.* Mamehy, mifehy. Ficelez bien ce paquet. *Fehezo* tsara io entana io.

FICELLE, *sf.* Kofehy madinika.

FICHE, *sf.* 1° Lahin-tsavily, tsinain-tsavily. 2°—,Tokovato, latsa-bato.

FICHER, *va.* Manorina, manatsatoka. — un clou, un pieu. *Manorina,* etc., fantsika, tsato-kazo.

FICHU, *sm.* Fehin-tendam-behivavy, saly fohy.

FICTIF, IVE *adj.* Foronin' ny saina fotsiny, eritreretin' ny saina fotsiny, anaram-panononana fotsiny. Être—. Zavatra *foronin' ny saina fotsiny.* Richesse fictive. Harena *eritreretin' ny saina fotsiny.* Monnaie fictive. *Anaram-panononana* vola *fotsiny.*

FICTION, *sf.* 1° Zavatra foronin' ny saina fotsiny, fieritreretan-javatra fotsiny, fanononana fotsiny. La—est quelquefois plus agréable que la vérité même. Indraindray ny *zavatra foronin' ny saina fotsiny* dia mahafinaritra kokoa noho ny tena marina. 2°—,Lainga,angano. Il m'a dit cela, mais c'est une pure—. Nilaza izany tamiko izy, fa *lainga,* etc., foana izany.

FICTIVEMENT, *adv.* Am-pieritreretana fotsiny, am-panononana fotsiny.

FIDÈLE, *adj.* 1° Tsy mivadika, tsy mamadika, mahatoky, mahafatra-po. Il est —à sa parole. *Tsy mivadika* ny teny napetrany izy. C'est un ami—. Sakaiza *tsy mivadika,* etc., io. C'est un serviteur—. Mpanompo *mahatoky, mahafatra-po* izy. 2°—, Marina. Traduction—. Dikanteny *marina.* || *loc.* La fortune lui fut toujours—. Nambinina mandrakariva izy. Il a une mémoire—. Mahatadidy zavatra izy, tsy mety maty arika izy.

—, *s.* Ny mpino.

FIDÈLEMENT, *adv.* 1° Mahatoky. 2° —,Araka ny marina.

FIDÉLITÉ, *sf.* 1° Tsy fivadihana, tsy famadihana, fahatokiana. Il est d'une—à toute épreuve. *Mahatoky* indrindra izy.

Serment de—. Voy. SERMENT. 2°—, Fahamarinana. On peut compter sur la—de cet historien. Azo itokiana ny *fahamarinan'* io mpitantara io.

FIEF, *sm.* Menakelin' ny *vassal.*

FIEFFÉ, ÉE, *adj.* Izaitsizy, lozan-tany, gagilahy. Ivrogne—. Mpimamo *izaitsizy,* etc.

FIEL, *sm.* 1° Afero. 2° *fig.* Fahoriana, alahelo. Il est abreuvé de—. Hontsan' ny *fahoriana,* etc., izy. 3°—, Lolom-po. Tant de—entre-t-il dans son âme ! Hanky, be *lolom-po* tahaka izany izy !

FIENTE, *sf.* Taim-biby sasany. —de pigeon. *Taim*-boromailala.

FIER (SE), *vpr.* Matoky, miankina, miantehitra. Je ne me fie qu'à vous. Hianao hiany no *itokiako, iankinako, ianteherako.*

FIER, IÈRE, *adj.* 1° Mirehareha, mieboebo, mianjonanjona, miandranandrana, misolantsolana, miedikedika, miedinedina, mitihintihina, midihindihina. C' est un homme—. Olona *mirehareha, mieboebo, mianjonanjona, miandranandrana.* Il a une mine fière. *Mianjonanjona, miandranandrana, misolantsolana* izy. Il a une démarche fière. *Misolantsolana, miedikedika, miedinedina, mitihintihina, midihindihina* izy raha mandeha. Il est—de ses aïeux. *Mirehareha, mieboebo* noho ny razany izy. 2°—, Manandrian-tena, manaja tena, mahery fo, sahy. C'est une âme—. *Manandrian-tena, manaja tena* izy. Les plus fiers généraux. Ny jeneraly *mahery fo, sahy* indrindra. 3°—, Mafy, lehibe, izaitsizy. Un—coup de tonnerre. Kotro-baratra *mafy.* Un—courage. Herim-po *lehibe.* Un—sot. Adala *izaitsizy.*

FIÈREMENT, *adv.* 1° Amim-pireharehana, amim-pieboeboana, amim-pianjonanjonana, amim-piandranandranana. 2°—, Mafy. Je l'ai tancé—. Nasiako teny *mafy* izy.

FIERTÉ, *sf.* 1° Rehareha, firehareliana, ebo, fieboeboana, anjona, fianjonanjonana, andranandrana, fiandranandranana, fisolantsolana, edikedika, fiedikedika, edinedina, fiedinedina, tihintihina, fitihintihina, dihindihina, fidihindihina, tikintikina, fitikintikina. 2°—, Fanandrianan-tena, fanajan-tena, herim-po, hasahiana.

FIÈVRE, *sf.* 1° Tazo, fanaviana. J'ai la —. Mararin' ny *tazo, manavy* aho. La— u diminué. Niafa ny *tazo,* ny *fanaviana.* Qui a souvent la—. *Tazoina.* —bénigne de l'Imérine. *Tazon*-drindrina. 2° *fig.* Fivadiham-po. La vue d'une souris lui donne la—. *Mivadi-po* izy raha mahita totozy. 3°—, Firehitra. La—des passions. Ny *firehitry* ny filan-dratsin'ny nofo.

FIÉVREUX, EUSE, *adj.* Mampanavy, be tazo, mora azon' ny tazo. Fruits —. Voankazo *mampanavy.* Pays—. Tany *be tazo.* Il a un tempérament—. *Mora azon' ny tazo* izy.

—, *s.* Mararin' ny tazo, manavy.

FIÉVROTTE, *sf.* Fanaviana kely.

FIFRE, *sm.* Filiotra kely.

FIGER, *va.* Mampandry. L'air froid fige la graisse. Ny rivotra mangatsiaka *mampandry* ny menaka.

Se figer, *vpr.* Mandry.

FIGUE, *sf.* Voan' aviavim-bazaha.

FIGUIER, *sm.* Aviavim-bazaha. —malgache. *Aviavy,* voara, amontana, adabo.

FIGURATIF, IVE, *adj.* Ohatra, tandindona. Tout était—dans l'Ancien Testament. *Tandindona* avokoa ny zavatra rehetra amy ny Testament taloha. ‖ *loc.* Plan—. Sarin-tany.

FIGURE, *sf.* 1° Tarehy, endrika. La—de la terre. Ny *tarehy,* ny *endriky* ny tany. Quelle étrange—d'homme ! Haratsy *tarehy,* haratsy *endrik'* olona re izany ! Il a une belle—. Tsara *tarehy* izy. Voilà une jolie—d'enfant. Indro *tarehin*-jaza mahafinaritra. 2°—, Toetra. Je ne savais quelle—je devais prendre. Tamin' izay dia tsy hitako izay *toetra* tokony hataoko. ‖ *loc.* Faire bonne —. Mampisebo hakingana. Faire mauvaise—. Mitaraikiraiky. 3°—, Sary. Le nouveau dictionnaire contient beaucoup de figures. Be *sary* ny diksionary vaovao. 4°—, Ohatra, tandindona. La manne est la—de l'Eucharistie. Ny mana dia *tandindon'* ny Eokaristia. 5°—, Fombam-pitenenana, ohatra.

FIGURÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Natao sary. 2°—, Noharina, oharina. 3°—, Maro fombam-pitenenana, be ohatra, alaina ohatra amin' izay tena hevitry ny teny. Ce discours est très—. *Maro fombam-pitenenana, be ohatra* izany laha-teny izany.

—, *sm.* Hevi-teny alaina ohatra amin' izay tena heviny. Ce mot est employé au—. Ny *hevitr'*izany teny izany *nalaina ohatra amin' izay tena heviny.*

FIGURER, *va.* 1° Manao sary. Il a fi-

guré une danse de bergers. Nanao *sarin'* ny mpiandry ondry mandihy izy. 2° —, Manohatra. Les Egyptiens figuraient l'année par un serpent qui se mord la queue. Ny Ejiptiana *nanohatra* ny taona amy ny bibilava manaikitra ny rambony.

—, *vn.* Miseho. Il a figuré autrefois à la cour. *Niseho* tao anaty rova izy taloha.

Se figurer, *vpr.* Mihevitra, manao ho... Je me le figurais grand et maigre. *Noheveriko, nataoko ho* avo sady mahia izy.

FIL, *sm.* 1° Taretra, foly, kofehy, tady, landy. Gros —. *Taretra* vaventy. — de soie. *Foly* tsopay, lasoa. —de coton. *Taretra, folin*-dandihazo. — de chanvre. *Taretra, kofehy, tadin*-drongony. — d'araignée. *Landin*-kala. ‖ *loc.* — de fer. Tari-by. — d'argent. Tari-bolafotsy. — à plomb. Plao, fandanjana. Donner du — à retordre à quelqu'un. Manahirana, manangan-tsampona olona. La vie de l'homme ne tient qu'à un —. Singam-bolo no mitazona ny ain' ny olona. De — en aiguille ils en vinrent à se quereller. Tsikelikely dia tonga ady ny resak' izy ireo. Suivre le — de l'eau. Mivalana manaraka ny rano. 2° —, Lelan-javamaranitra, mason' antsy. Donner le — à un couteau. Mandranitra *lelan'* antsy, maka *mason'* antsy. ‖ *loc.* Passer au — de l'épée. Managorobaka olona amy ny sabatra. 3° *fig.* Tohy. Il a perdu le — de son discours. Tsy tadidiny ny *tohin'* ny laha-teniny.

FILAGE, *sm.* Famolesana.

FILAMENT, *sm.* Tsiratsiraka, hozatra. Comme Fibre.

FILAMENTEUX, EUSE, *adj.* Mitsiratsiraka, hozatina.

FILANDREUX, EUSE, *adj.* 1° Mitsiratsiraka. Viande filandreuse. Hena *mitsiratsiraka.* 2° *fig.* Style —. Lahateny misafotofoto.

FILANT, ANTE, *adj.* Mifaroratra. Matière filante. Zavatra *mifaroratra.*

FILASSE, *sf.* 1° Sila-drongony betsaka. Des mèches de —. Lahin-jiro atao amy ny *sila-drongony.* —à faire des câbles. *Sila-drongony* hanaovana mahazakan-tsambo. 2° *fig.* Ce n'est que de la—. Tsy misy ivoasana amy ny fon-jozoro izany hena.

FILATURE, *sf.* Trano famolesana, famolesana.

FILE, *sf.* Zavatra mitanjozotra, laharana. Une — de voitures remplissait le chemin. Nisy kalesy *nitanjozotra* naneraна ny lálam-be. Aller à la —. Mandeha *mitanjozotra.* Comptez les files des soldats. Isao ny *laharan'* ny miaramila.

FILÉ, *sm.* Tari-bolamena, tari-bolafotsy.

FILER, *va.* 1° Mamoly, manasina, manady, manira. —du coton. *Mamoly, manasina* landihazo. — du chanvre. *Manasina, manady* rongony. L'araignée file sa toile. *Manira* ny hala. 2° —, Mitarika. — de l'or. *Mitarika* volamena. — de l'argent. *Mitarika* volafotsy.

—, *vn.* 1° Mifaroratra. La glue file aisément. Mora *mifaroratra* ny gilio. 2° —, Miala, mandeha. Faire — des troupes. *Mampandeha* miaramila.

FILET, *sm.* 1° Taretra madinika, fehindela, rindra, haingo kely mitsoriaka, tsipika, lohavý fanaovan-tsipika, zavatra kely. On lui a coupé le —. Nodidiana ny *fehin-delany.* Le — d'une vis. Ny *rindran*-tsaikiró. Faire un — sur le bord de la couverture d'un livre. Manisy *haingo kely mitsoriaka* amy ny sisin' ny fonom-boky. Séparer des colonnes par des filets. Mampisaraka tsorian-teny amy ny *tsipika.* Les filets sont de cuivre. Varahina ny *lohavý fanaovan-tsipika.* Cette fontaine ne donne qu'un — d'eau. Tsy misy afa-tsy rano *kely* foana no avy amin' io fantsakana io. Mettre un — de vinaigre dans une sauce. Manidina vinaingitra *kely* amy ny ro. Un — de voix. Feo *kely.* ‖ *loc.* — de bœuf. Ili-kena. Il n'a qu'un — de vie. Efa ambivitra ny ainy. 2° —, Harato. Pêcher au —. *Manarato.* Le poisson s'échappa à travers les mailles du —. Afaniporitsaka tamy ny mason-*harato* ny hazandrano. 3° *fig.* Fandrika. Il est tombé dans les filets. *Voafandrika* izy.

FILEUR, EUSE, *s.* Mpamoly, mpanasina, mpanady.

FILIAL, ALE, *adj.* Momba ny zanaka. Amour —. Fitiavan' *ny zanaka* ny ray aman-dreny.

FILIATION, *sf.* 1° Firazanana. La — de cette famille est bien établie. Miharihary ny *firazanan'* izany fianakaviana izany. 2° *fig.* Fihaviana. La — des mots. Ny *nihavian'* ny teny.

FILIÈRE, *sf.* 1° Fitarihana. 2° —, Fandrindrana. 3° —, Sambomandry. 4° *fig.* Il faut qu'il passe par la —. Tsy maintsy zahan-toetra tsara izy.

FILLE, *sf.* 1° Zanakavavy. Il a marié sa—. Nampanambady ny *zanany vavy* izy. 2°—, Zazavavy, vavy, ankizivavy madinika, vehivavy. Il y a dans cette famille plus de filles que de garçons. Ao amin'izany fianakaviana izany dia ny *zazavavy,* ny *vavy* no betsaka kokoa noho ny zazalahy. Voilà une école de filles. Itsy ny trano fianaran'ny *zazavavy, ankizivavy madinika, vehivavy.* Jeune—. *Tovovavy,* sakam-*baviny.* 3°—, Vehivavy tsy manam-bady. Elle est encore—. *Vehivavy* tsy mbola *manam-bady* izy. 4°—, Vehivavy mpikarama. —de magasin. *Vehivavy mpikarama* amy ny trano fivarotana.

FILLETTE, *sf.* Zazavavy madinika.

FILLEUL, EULE, *s.* Zanaka amy ny batemy.

FILON, *sm.* Zavatra mitanjozotra ao anatin'ny tany. Il a rencontré un—d'argent. Nahita volafotsy *nitanjozotra tao anatin' ny tany* izy.

FILOU, *sm.* 1° Mpangalatra an-kafetsena, mpandidy lamba, mpangarom-paosy. 2°—, Mpanambaka amy ny loka.

FILOUTER, *va.* 1° Mangalatra an-kafetsena, mandidy lamba, mangarom-paosy. 2°—, Manambaka amy ny loka.

FILOUTERIE, *sf.* 1° Fangalarana an-kafetsena, fandidian-damba, fangaronam-paosy. 2°—, Fanambakana amy ny loka.

FILS, *sm.* 1° Zanakalahy. Il a trois—. Manam-*janaka* telo *lahy* izy. Le—de l'homme. Ny *Zanak'*olona. 2°—, Teraka, taranaka. Les—de la France. Ny *teraky* Frantsa. Les—de S[t] Louis. Ny *teraky,* etc., Md. Louis.

FILTRATION, *sf.* Fanatantavanana, fitsihana.

FILTRE, *sm.* Filotra, fanatantavanana.

FILTRER, *va.* Manatantavana.

—, *vn.* Mitsika. Ce petit-lait filtre bien lentement. Miadam-*pitsika* loatra ny ranombatsiny.

Se filtrer, *vpr.* Tantavanina, mitsika.

FIN, *sf.* 1° Farany, farandro, fiafarana, famaranana, fanaperana, famitana. Il viendra à la—de l'année. Ho avy izy amy ny *faran'*ity taona ity. Personne ne connaît la—du monde. Tsy misy olona mahalala ny *farandron'* izao tontolo izao. Dieu n'a pas de—. Tsy manam-*piafarana* Andriamanitra. J'ignore quelle sera la—de cette affaire. Tsy fantatro izay *hiafaran'* izany raharaha izany. Il est à la—de son discours. *Mamarana* ny laha-teniny izy. Il a mis—à cette affaire. *Nanapitra, namita* izany raharaha izany izy. 2°—, Fahafatesana. Il avait 'e pressentiment de sa—prochaine. Nabindrakindrafana azy ny *hahafatesany.* 3°—, Ny nokendrena, ny antony. Il est parvenu à ses fins. Nahazo *ny nokendreny* izy. À quelle—avez-vous fait cela? Inona no *antony* nanaovanao izany.

À la fin, *loc. adv.* Amy ny farany.

FIN, FINE, *adj.* 1° Manify, madinika, kivahivahiny, marezoka, maranitra. Papier—. Taratasy *manify.* Écriture fine. Soratra *madinika.* Pluie fine. Ranonorana *madinika.* Elle a la taille fine. *Kivahivahiny, marezoka* izy. Plume fine. Lela penina *maranitra.* Crayon—. Pensily hazo *marani*-doha. 2°—, Matsiro, fy, tsara dia tsara, madio dia madio. Mets—. Nahandro *matsiro, fy.* Vin—. Divay *tsara dia tsara.* Or—. Volamena *madio dia madio.* 3°—, Mahafantatra tsara amy ny fandrenesana, malady, matsilo. Cet aveugle a le tact—. *Mahafantatra* tsara ny zavatra kasihiny io jamba io. Il a le goût—. *Mahafantatra tsara* ny zavatra andramany izy. Il a l'oreille fine. *Malady, matsilo* sofina izy. Il a le nez—. *Malady, matsilo* orona izy; *fig.* fetsilahy izy. 4° *fig.* Marani-tsaina, mahira-tsaina. Il a l'esprit—. *Marani-tsaina,* etc., izy. Il a un regard—. Manao fijerin' ny olona *mahira-tsaina* izy. 5°—, Fetsy, konjo. fiharatra. Il est—. *Fetsy,* etc., izy.

FINAL, ALE, *adj.* Farany. Jugement—. Fitsarana *farany.* Lettre finale. Litera *farany.*

—, *sf.* Litera farany.

FINALEMENT, *adv.* Amy ny farany.

FINANCE, *sf.* 1° Vola an-tànana. Ses finances sont basses. Kely ny *vola an tànany.* 2°—, Volam-panjakana. Il est ministre des finances. Ministra amy ny *volam-panjakana* izy. 3°—, Fikarakarana ny momba ny hetra sy ny volam-panjakana, raharaha lehibe momba ny vola na taratasy vola.

FINANCIER, *sm.* Mpikarakara ny momba ny hetra sy ny volam-panjakana, mpanao raharaha lehibe momba ny vola sy ny taratasy vola.

FINANCIER, IÈRE, *adj.* Momba ny volam-panjakana.

FINAUD, AUDE, *adj.* Fetsifetsy, konjokonjo, fatsaka.

FINEMENT, *adv.* 1° Amim-pahiratantsaina. 2°—, Amin-kafetsena.

FINESSE, *sf.* 1° Hanify, hanifisana, hadinika, haranitra. 2° —, Hatsiro, hafy, hatsara. 3°—, Fahafantarana tsara, halady, hatsilo. 4° *fig.* Harani-tsaina, fahiratan-tsaina. 5°—, Hafetsena, hakonjo.

FINI, IE, *p.* et *adj.* 1° Voafarana, nofaranana, tapitra, notaperina, vita, novitaina, tontosa, lavorary, C'est un travail —. Lahasa *vita* tsara, *tontosa, lavorary* izany. 2°—, Misy fetra. L'homme est un être—. Zavatra *misy fetra* ny olona.

—, *sm.* 1° Halavorary. Ces fleurs sont d'un — admirable. Mahagaga ny *halavorarin'* ireo voninkazo ireo. 2°—, Zavatra misy fetra.

FINIR, *va.* Mamarana, manapitra, mamita. Finissez cette affaire. *Farano, tapero, vitao* izany raharaha izany. Cette campagne finira la guerre. Ho *tapitra* amin' ity fanafihana ity ny ady.

—, *vn.* 1° Mamarana, manapitra, mitsahatra. Finissez de parler. *Farano, tapero* ny teninao. Cet enfant ne finira pas, si on ne le châtie. Tsy *hitsahatra* io zazalahy io, raha tsy faizina. 2°—, Tapitra, vita, mifarana, misy farany, miafara, amy ny farany. Il a fini de parler. *Tapi*-niteny izy. La messe finit. *Tapitra, vita* ny lamesa. Mon emplacement finit au chemin. *Mifarana* amy ny lálam-be ny tokotaniko. Tout finit en ce monde. *Misy farany* ny zavatra rehetra amin' ity tany ity. Tout cela finira mal. Ratsy ny *hiafaran'* izany. Il a fini par y consentir. *Tamy ny farany* nanaiky izy.

FIOLE, *sf.* Tamaboha kely, tavoahangy mareforefo.

FION, *sm.* Haingo, renty, filatro, angolangola, anganongano, angesongeso. Il aime à faire des fions dans le chant. Tia *filatron*-kira, tia hira *miangolangola, mianganongano, miangesongeso* izy raha mihira.

FIRMAMENT, *sm.* Lanitra, habakabaka.

FISC, *sm.* Volam-panjakana.

FISCAL, ALE, *adj.* Momba ny volampanjakana

FISSURE, *sf.* Somalantsiatra, vakivaky, mitriatra, mitsefatsefaka.

FISTULE, *sf.* Boiboika kely vava sady lalina.

FISTULEUX, EUSE, *adj.* Holoka aty, hoaka aty.

FIXATION, *sf.* Fametahana, fipetahana, fandraiketana, firaiketana, fihazonana.

FIXE, *adj.* 1° Tsy mihetsika. Étoiles fixes. Kintana *tsy mihetsika*. 2°—, Raikitra. S'assembler à jour —. Mivory amy ny andro *raikitra*. ‖ *loc.* Vendre à prix —. Manao varo-bazaha. Il n'a point de demeure —. Tsy manana antom-ponenana izy. Avoir une idée —. Mitompo teny fantatra.

—, *int.* Aza mihetsika!

FIXÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Voapetaka, tafapetaka, napetaka, mipetaka, voaraikitra, tafaraikitra, naraikitra, miraikitra, voahazona, nohazonina. Au jour—. Amy ny andro *raikitra*. 2°—, Voapetraka, tafapetraka, napetraka, mipetraka, naorina, voaorina, tafaorina, miorina, miorim-ponenana. 3°—, Voafetra, noferana. 4° —, Mahalala mazava. Je suis — sur ce que tu as fait. *Fantatro mazava* izay nataonao.

FIXEMENT, *adv.* Regarder —. Mibanjina.

FIXER, *va.* 1° Mametaka, mandraikitra, mihazona. Fixez ce papier à la muraille. *Apetaho, araiketo* amy ny rindrina io taratasy io. Fixez la porte. *Hazony* ny varavarana. Il n'a pas encore fixé le prix de cette marchandise. Tsy mbola *nandraikitra* ny vidin'io varotra io izy. —un jour. *Mandraikitra* andro, manao fotoana *raikitra*. ‖ *loc.* — avec un clou. Mamantsika. — ses yeux sur... Mibanjina. — l'attention de ses auditeurs. Mampitandrina ny mpihaino azy. 2°—, Mampipetraka, manorina. Il a fixé sa mère auprès de lui. Nalainy *hipetraka* aminy reniny. — sa résidence. *Manorimponenana*. 3° —, Mametra. — l'état de la question. *Mametra* ny zavatra hodinihina.

Se fixer, *vpr.* 1° Mipetaka, miraikitra. 2° —, Mipetraka, miorim-ponenana. Il s'est fixé à Tananarive. *Nipetraka*, etc., ao Antananarivo izy.

FIXITÉ, *sf.* Firaikitra. C'est un esprit sans—. Tsy mety *tafaraikitra* ny sainy.

FLACON, *sm.* Tamaboha, tavoahangy mareforefo.

FLAGELLATION, *sf.* Fikapohana. La — de Notre-Seigneur. Ny *nikapohana* any Jeso-Kristy Tompontsika.

FLAGELLER, *va.* Mikapoka. Pilate

fit — Notre-Seigneur. Pilaty *nampikapoka* any Jeso-Kristy Tompontsika.

Se flageller, *vpr.* Mikapo-tena.

FLAGEOLET, *sm.* Tsotsóka lava.

FLAGORNER, *va,* et *vn.* Mandokadoka, manaingainga. — ses supérieurs. *Mandokadoka,* etc., ny lehibeny.

Se flagorner, *vpr.* Mifandokadoka.

FLAGORNERIE, *sf.* Fandokadokafana.

FLAGORNEUR, EUSE, *s.* Mpandokadoka.

FLAGRANT, ANTE, *adj.* En — délit. Am-body omby, an-tánana. Il fut pris en — délit. Azo *am-body omby,* azo *antánana* izy.

FLAIR, *sm.* 1° Fanamboloana. Le — du chien est remarquable. Mahagaga ny *fanamboloan'* ny alika. 2° *fig.* Vinany, tsindry mandry.

FLAIRER, *va.* 1° Manambolo, manoroka. — une fleur. *Manambolo,* etc., voninkazo. 2° *fig.* Maminany, mahita tsindry mandry, indrakindrafana. Il a flairé cela de loin. Efa *naminany* izany rahateo izy, *nanindry mandry* azy, *nahindrakindrafana* azy rahateo izany.

FLAIREUR, *sm.* 1° Mpanambolo. 2° *fig.* Mpaminany.

FLAMANT, *sm.* Sama.

FLAMBANT, ANTE, *adj.* Midedadeda, milelalela, miredareda, mijejajeja, miroborobo.

FLAMBÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Voaserana, naserana, voatsolotsolo, natsolotsolo, notsolotsoloana. 2° *fig.* Lany harena, levona. Cet homme est—. *Lany harena* io lehilahy io. Mon argent est —. *Levona* ny volako.

FLAMBEAU, *sm.* 1° Fanilo, jiro, fanaovan-jiro. 2° *fig.* Fanilo, fanilovana. Le — de la foi. Ny *fanilovan'* ny finoana.

FLAMBER, *vn.* Midedadeda, milelalela, miredareda, mijejajeja, miroborobo. Ce bois flambe bien. *Midedadeda,* etc., erý io hazo io.

—, *va.* Manaserana, manatsolotsolo. — une volaille. *Manaserana,* etc., akoho.

FLAMBOYANT, ANTE, *adj.* Manjelajelatra. Étoile flamboyante. Kintana *manjelajelatra.*

FLAMBOYER, *vn.* Manjelajelatra.

FLAMME, *sf.* 1° Lelafo, afo. Ce feu ne fait point de—. Tsy misy *lelafo* io afo io. Tout a été la proie des flammes. Levon' ny *afo* avokoa ny zavatra rehetra. Les flammes éternelles. Ny *lelafo* mandrakizay. 2° —, Faneva kilavalava atao eny an-tampon' ny sambo mpiady. 3° *fig.* Fitiavana, fitia. Il brûle d'une secrète —. Main' ny *fitiavana* miafina izy.

FLAMMÈCHE, *sf.* Kilalaon' afo, pik' afo.

FLANC, *sm.* 1° Takibaka, lanivoa, ila. Il eut le — percé d'un coup de flèche. Voagorobaky ny zana-tsipíka ny *takibany,* etc. ‖ *loc.* Par le — droit. Hodinkavanana. Par le — gauche. Hodin-kavia. 2° —, Kibo. Le fils que ses flancs ont porté. Ny zanaka naloaky ny *kibony.* 3° —, Lafiny, ila. Le — d'un navire. Ny *lafiny, ilan*-tsambo anankiray. Le — d'une montagne. Ny *ilan'* ny tendrombohitra anankiray. 4° *fig.* Se battre les flancs pour quelque chose. Manao izay tratry ny aina mba hahavita zavatra anankiray. Prêter le — à la critique. Mila lolotramalona.

FLANELLE, *sf.* Filanelina.

FLÂNER, *vn.* Manary andro foana, miriorio foana, mirenireny, mirendrena, mitsipy voavitsy.

FLÂNEUR, EUSE, *s.* Mpanary andro foana, mpiriorio foana, mpirenireny, mpirendrena.

FLANQUER, *va.* Manipy, mitoraka, mamely. Il lui flanqua une assiette par la figure. *Notsipazany, notorahany* lovia ny tarehiny. Il lui flanqua un soufflet. *Namely* azy tehamaina izy. ‖ *loc.* — à la porte. Mandroaka. — par terre. Mamotraka, mandavo.

Se flanquer, *vpr.* Potraka, lavo, mianjera.

FLAQUE, *sf.* Petsapetsa.

FLASQUE, *adj.* 1° Malemilemy, borerarera, gorera. Chair —. Nofo *malemilemy.* Homme —. Olona *malemilemy,* etc. 2° —, Matsatso, masirasira. Style —. Laha-teny *matsatso,* etc.

FLATTER, *va.* 1° Mandoka, mandrobo. Il flatte les grands. *Mandoka,* etc., ny lehibe izy. Le peintre l'a flatté dans ce portrait. Ny mpanao sary *nandoka* azy amin' io sary io. 2° —, Manambitamby, mamalifaly, manolikoly, manejokejo, manojikojy. — un enfant. *Manambitamby,* etc., zaza kely. Voy. CARESSER. 3° —, Mahafinaritra, mahafaly, mankasitraka. Ce chant flatte l'oreille. *Mahafinaritra*

ny sofina izany hira izany. Cela flatte son cœur. *Mahafaly* ny fony izany. Il flatte tous les goûts du prince. *Ankasitrahany* avokoa izay rehetra tian' ny mpanjaka. 4°—, Mampanantena. On le flatte qu'il obtiendra ce qu'il désire. *Ampanantenaina* izy fa hahazo izay iriny.

Se flatter, *vpr.* 1° Mandoka tena. Il se flatte toujours. *Mandoka tena* lalandava izy. 2°—, Manantena, ataony. Il se flatte que vous l'approuverez. *Manantena* izy, *ataony* fa hankatoavinao izy.

FLATTERIE, *sf.* Doka, fandokafana, robo, fandroboana.

FLATTEUR, EUSE, *adj.* 1° Mandóka, mandrobo. Discours —. Laha-teny *mandóka,* etc. 2°—, Mahafinaritra, mahafaly, mankasitraka. Il a toujours quelque chose de — à dire. Mahita teny *mahafinaritra, mahafaly* mandrakariva izy. Le prince lui adressa des paroles flatteuses. Nanao teny *fankasitrahana* tamíny ny mpanjaka.

—, *sm.* Mpandoka, mpandrobo.

FLATUEUX, EUSE, *adj.* Mampibohibohy kibo. Aliment—. Hanina *mampibohibohy kibo.*

FLATUOSITÉ, *sf.* Fibohibohy.

FLÉAU, *sm.* 1° Fivelezam-barim-bazaha. 2°—, Vovona-mizána. 3° *fig.* Loza, loza amin' antambo. La famine est un —. *Loza,* etc., ny mosary. Attila était le — de Dieu. Atila no *loza* nirahin' Andriamanitra.

FLÈCHE, *sf.* 1° Zana-tsipika. 2°—, Tranon-dakolosy kitso loha.

FLÉCHIR, *va.* 1° Mampilefitra, mampiketraka, mampiletsy. || *loc.* — le genou. Mandohalika, manongalika. — les genoux devant les idoles. Mivavaka amy ny sampy. 2°—, Mampionona, mampitony, manony, manaketraka. Il ne put — le courroux de son maître. Tsy *nahonona, nahatony, nahaketraka* ny hatezeran' ny tompony izy. Il ne put — ses juges. Tsy azony *noketrahina* ny mpitsara.

—, *vn.* 1° Milefitra, miketraka, miletsy. Son genou fléchit. *Milefitra, miketraka* ny lohaliny. La poutre fléchit. *Miletsy* ny sakamandimby. 2° *fig.* Mionona, tony, ketraka, manaiky, mikoy. Quoiqu'on fasse, je ne fléchirai pas. Na inona na inona no hatao, tsy ho *ketraka* aho. Tout le monde fléchissait devant lui. *Nanaiky* azy ny olon-drehetra. L'armée fléchit. *Mikoy* ny tafika.

FLEGMATIQUE, *adj.* 1° Borerarera. Il a un tempérament —. *Borerarera* izy. 2° *fig.* Tsy mihontsina, mafy fo, fo vato. C'est une personne —. *Tsy mihontsina,* etc., izy.

FLEGME, *sm.* 1° Rehoka. Il a rejeté des flegmes sanguinolents. Nisy ra ny *rehony.* 2° *fig.* Tsy fihontsina, hamafiam-po.

FLÉTRI, IE, *p.* et *adj.* 1° Voalazo, nolazoina, malazo, voamatroka, nomatrohina, matroka, novasohina, vasoka, nosimbana, simba. 2° *fig.* Afa-baraka, nalam-baraka.

FLÉTRIR, *va.* 1° Mandazo, manamatroka, mahavasoka, manimba. Le soleil flétrit les fleurs. Ny masoandro *mandazo* ny voninkazo. Le grand air flétrit les couleurs. *Manamatroka, mahavasoka* ny volon-doko ny rivotra. L'âge flétrit la beauté. Ny taona *manimba* ny hatsaran-tareby. 2° *fig.* Manala baraka. — quelqu'un. *Manala-baraka* olona.

Se flétrir, *vpr.* 1° Mihamalazo, mihamatroka, mihavasoka, mihasimba. 2° *fig.* Afa-baraka.

FLÉTRISSANT, ANTE, *adj.* Mahafa-baraka.

FLÉTRISSURE, *sf.* 1° Halazo, hamatroka, havasoka, fahasimbana. 2° *fig.* Fahafaham-baraka.

FLEUR, *sf.* 1° Voninkazo. Les arbres sont chargés de fleurs. Tototra ny *voniny* ny hazo. Être en —. *Mamony.* Arrosez les fleurs. Tondraho rano ny *voninkazo.* 2° *fig.* Renty, haingo, angeson-teny. Fleurs de rhétorique. *Rentin*-teny, etc. 3°—, Izay tsara indrindra, izay mahay indrindra, izay mahery fo indrindra, etc. — de farine. Lafarina *tsara indrindra.* Il est la — de la classe. Izy no *mahay indrindra* ao amy ny laklasy. Ces braves sont la—de l'armée. Ireo miaramila ireo no *mahery fo indrindra* amy ny tafika. || *loc.* Il est dans la—de la jeunesse. Herotrerony, hentohentony izy. Il est mort à la — de l'âge. Maty tanora, mbola herotrerony, — hentohentony, folaka an-dantony izy.

À fleur de, *loc. prép.* Mitovy tantana, mifamarana. Les fondements sont à—de terre. *Mitovy tantana,* etc., amy ny tokotany ny fototra.

FLEURAISON ou **FLORAISON,** *sf.* Famoniana, andro famoniana.

FLEURDELISÉ, ÉE, *adj.* Misy sarim-boninkazo lisy.

FLEURDELISER, *va*. Manisy sarimboninkazo lisy.

FLEURET, *sm*. Sarisarin-tsabatra fianarana ady sabatra.

FLEURETTE, *sf*. Voninkazo kely.

FLEURI, IE, *adj*. 1° Mamony. 2° *fig*. Mamirapiratra. Mine fleurie. Tarehy *mamirapiratra*. 3°—, Be renty, be haingo, be angeso. Discours—.Laha-teny *be renty*, etc.

FLEURIR, *vn*. 1° Mamony. 2° *fig*. Mandroso, malaza. Les sciences fleurissaient sous son règne. *Nandroso* ny fahaizana samihafa tamy ny nanjakany. Des orateurs fleurirent alors. Nisy mpandaha-teny *nalaza* tamin' izay.

FLEURISSANT, ANTE, *adj*. Mamony.

FLEURISTE, *s*. Mpamboly voninkazo, mpanao—, mpivarotra—.

FLEURON, *sm*. 1°Sarim-boninkazo atao ravaka. 2°*fig*. Voninahitra, ravaka, tabiha. Cette province est le plus beau—du royaume. *Voninahitra*, etc., ny fanjakana izany fari-tany izany.

FLEUVE, *sm*. Ony.

FLEXIBILITÉ, *sf*. Halefaka.

FLEXIBLE, *adj*. 1° Mora alefitra, mora milefitra, malefaka. Bois—. Hazo *mora alefitra, malefaka*. 2° *fig*. Malefaka, mora manaiky, mora toroana. Voix—. Feo *malefaka*. C'est un caractère—. *Mora manaiky, mora toroana* izy.

FLEXION, *sf*. Filefitra, fiketraka, filetsy.

FLEXUEUX, EUSE, *adj*. Molomeloka. Tige flexueuse. Tahon-java-maniry *melomeloka*.

FLIBUSTIER, *sm*. Mpangalatra ankafetsena, mpifetsy.

FLICFLAC, *sm*. Fifiritsoka.

FLOCON, *sm*. Vongana.—de laine. *Vongam*-bolon'ondry.

FLOCONNEUX, EUSE, *adj*. Mivongambongana.

FLORAISON, *sf*. Voy. FLEURAISON.

FLORAL, ALE, *adj*. Momba ny voninkazo.

FLORE, *sf*. Ny momba ny voninkazo izay ao amy ny tany anankiray.

FLORÈS, Faire —. Mahazo laza.

FLORISSANT, ANTE, *adj*. Mandroso, malaza. Royaume —. Fanjakana *mandroso*, etc.

FLOT, *sm*. 1° Onjan-drano, alon-drano. ‖ *loc*. Être à —. Mitsinkafona. Remettre un navire à —. Mampitsinkafona sambo. 2° *fig*. Habetsahana, fitola-jofo, fijofo, fandriaka. Des flots de peuple. Vahoaka *betsaka, mitola-jofo*. Des flots de lumière. Fahazavana *be*. Des flots de poussière. Vovoka *mijofo*. Des flots de sang. Ra *mandriaka*

FLOTTAISON, *sf*. Izay ifamaranan'ny sambo amy ny rano.

FLOTTE, *sf*. Andian-tsambo.

FLOTTER, *vn*. 1° Mitsinkafona. Le bois flotte. *Mitsinkafona* ny hazo. 2° —, Mikopakopaka, mihofakofaka, mihofahofa, mitopatopa. Le drapeau flotte au gré du vent. *Mikopakopaka, mihofakofaka, mihofahofa* ny saina azon' ny rivotra. Ses longs cheveux flottaient sur ses épaules. Ny volon-dohany lava *nitopatopa* eny amy ny sorony. 3° *fig*. Misalasala, miroanahana, miroa saina. Il flotte entre deux partis. *Misalasala*, etc., izy, inona no hataony amy ny zava-droa kasainy.

FLOTTILLE, *sf*. Sambo vitsivitsy iraydia.

FLOUER, *va*. Mamitaka, mifetsy.

FLOUERIE, *sf*. Fitaka, fifetsena.

FLOUEUR, *sm*. Mpamitaka, mpifetsy.

FLUCTUATION, *sf*. 1° Fitopatopa, fikobankobana. 2° *fig*. Fisalasalana, firoanahana, fiovaovana.

FLUET, ETTE, *adj*. Manify, malemilemy. Il est —. *Manify*, etc., izy.

FLUIDE, *adj*. Tsy misy ventiny, mihanankanana, matsora. L'air est une substance —. Zavatra *tsy misy ventiny* ny rivotra. L'eau est un corps—. Zavatra *mihanankanana* ny rano. Cette encre est trop—. *Matsora* loatra io ranomainty io.

—, *sm*. Zavatra tsy misy ventiny, zavatra mihanankanana.

FLUIDITÉ, *sf*. Ny tsy fisiam-bentiny, fihanankanana, hatsora.

FLÛTE, *sf*. Filiotra, sodina.

FLÛTÉ, ÉE, *adj*. Manga. Elle a une voix flûtée. *Manga* feo izy.

FLÛTER, *vn*. 1° Mitsotsóka filiotra. 2° *fig*. Migoka, miboboka.

FLÛTEUR, EUSE, *s*. 1° Mpitsotsóka filiotra. 2° *fig*. Mpigoka, mpiboboka.

FLÛTISTE, *sm*. Mpitsoka filiotra.

FLUVIAL, ALE, *adj*. Momba ny ony, momba ny renirano.

FLUX, *sm*. 1° Fisondrotan' ny ranoma-

sina. Le — et le reflux. Ny *fisondrotan' ny ranomasina* sy ny fisintony. 2° *fig.* Fiovaovana. Les choses du monde sont sujettes à un — et reflux perpétuel. *Miovaova* lalandava ny zavatra ety an-tany. ‖ *loc.*—de ventre. Fivalanam-be, fitsiririhana. —de sang. Fivalanan-dra. —de paroles. Habetsahan-teny foana.

FLUXION, *sf.* Fihandronan-dra, mivonto.—de poitrine *Fihandronan-dra* amy ny avokavoka, fehitratra. Il a une—sur le visage. Misy *mivonto* ny tarehiny.

FŒTUS, *sm.* Zaza vao mitsaika, zaza vao torontoronina, zana-biby vao torontoronina.

FOI, *sf.* 1° Finoana. Article de—.Teny *finoana.* Propager la—. Mampiely ny *finoana.* Il a renié la— de ses pères. Nivadika ny *finoan'* ny razany izy. 2°—, Toky, fitokiana, fahatokiana. C'est un homme digne de—. Olona mendrika *itokiana,* olona *mahatoky* izy. Avoir—en quelqu'un. *Matoky* olona.3°—,Tsy fivadihana, fanekena, fametrahan-teny. Homme sans—. Olona *mpivadika.* Il a trahi sa—. Nivadika ny *fanekena* nataony, ny *teny napetrany* izy. Elle a gardé la — conjugale. Nanaraka ny *teny napetrany* tamy ny mariazy izy, tsy nanitsakitsabady izy. ‖ *loc.* Bonne —. Hitsim-po. Ma —. Tokoa. Il a, ma —, raison. Marina *tokoa* ny azy. 4°—, Fanamarinana, fanaporofoana, vavolombelona. Ce qui est arrivé depuis peu en fait—. Izay vao niseho teo *manamarina, manaporofo* izany. Cet acte fait—en justice. Azo entina ho *vavolombelona* amy ny fitsarana izany taratasy fanekena izany.

De bonne foi, *loc. adv.* An-kitsim-po, araka ny ao am-po.

FOIE, *sm.* Aty.

FOIN, *sm.* Vilom-bazaha maina, vilom-bazaha maniry.

FOIRE, *sf.* 1° Tsena lehibe fanao isantaona amy ny andro sasany. 2°—, Fitsiririhana.

FOIS, *sf.* Indray, in.... im.... Une—. *Indray* maka, *indray* mandeha, *indray* malaka. Deux—. *In*droa. Dix—. *Im*polo. Je vous l'ai dit cent —. Voalazako *injato* taminao izany. Bien des —. *Im*betsaka. Combien de— ? *Im*piry ? Pour la deuxième—. *Fanin*droany. Pour la troisième —. *Fanin*telony. ‖ *loc.* N'y revenez pas une autre —. Aza manao izany intsony. Je vous le dirai une autre — Holazaiko aminao izany amy ny andro hafa. Chaque — que, toutes les — que. Isaka. La première—que je l'ai vu. Tamy ny voalohany nahitako azy. La dernière—que je l'ai vu. Tamy ny farany nahitako azy. Cette—là. Tamin' izay. Cette—ci. Amin' izao. Trois — trois font neuf. Telo telo, sivy. De — à autre. Indraindray. A la —. Indray miaraka, indray manao, sady... no. On ne peut pas tout faire à la —. Tsy azo atao *indray miaraka* ny zavatra rehetra. Il entreprend tout à la —. Ataony *indray manao* izao rehetra izao. Il est à la — brave et homme de bien. *Sady* mahery *fo* izy *no* tsara fanahy.

Une fois que, *loc. conj.* Raha, rahefa, nony.

FOISON, *sf.* Habetsahana.

À foison, *loc. adv.* An-kabetsahana.

FOISONNER, *vn.* 1° Be. Cette province foisonne en blé. *Be* varim-bazaha izany fari-tany izany. 2°—, Mihabetsaka. Les lapins foisonnent. *Mihabetsaka* ny bitro.

FOLÂTRE, *adj.* Mikarenjirenjy, mipelipelika, mijilajila, mijefijefy.

FOLÂTRER, *vn.* Mikarenjirenjy, mipelipelika, mijilajila, mijefijefy.

FOLIE, *sf.* Hadalana. Il a de temps en temps des accès de —. Mihetsika indraindray ny *hadalany.* Quelle — de ne point songer à l'avenir. *Hadalana* manao ahoana ny tsy mihevitra ny ho avy. Sa — est de monter à cheval. *Adalan'* ny mitaingin-tsoavaly izy. Faire mille folies. Manao *hadalana* tsy tambo isaina. Ses folies le ruinent. Ny *hadalany* no mahalany ny hareny.

À la folie, *loc. adv.* Izaitsizy. Aimer à la —. Tia *izaitsizy.*

FOLLEMENT, *adv.* Amin-kadalana.

FOLLET, ETTE, *adj.* Adaladala. ‖ *loc.* Esprit —. Matoatoa, angatra. Feu —. Afon-dolo, afon' angatra. Poil —. Volomboatavo, volo malemy.

FOMENTATION, *sf.* Famelomana, fampirehetana.

FOMENTER, *va.* Mamelona, mampirehitra. — une querelle. *Mamelona,* etc., fifandirana.

FONCÉ, ÉE, *adj.* Antitra. Bleu —. Manga *antitra.*

FONCER, *va.* Mahantitra.

—, *vn.* Miantoraka. — sur quelqu'un. *Miantoraka* amin' olona.

FONCIER, IÈRE, *adj.* Momba ny ta-

ny. Propriétaire —. Tompon-*tany*. Impôt —. Hetra aloa *avy amy ny tany*.

FONCIÈREMENT, *adv*. Indrindra, tokoa. Il connaît — cette affaire. Mahafantatra *indrindra, tokoa* izany raharaha izany izy. Il est — bon. Tsara fanahy *tokoa* izy.

FONCTION, *sf*. 1° Raharaha. Fonctions publiques. *Raharaham*-panjakana. Il s'acquitte bien de ses fonctions. Manatanteraka tsara ny *raharahany* izy. 2° —, Fiasana.

FONCTIONNAIRE, *s*. Mpanao raharaha.

FONCTIONNEMENT, *sm*. Fandeha, fiasa.

FONCTIONNER, *vn*. Mandeha, miasa. Cette machine ne fonctionne pas. Tsy *mandeha*, tsy *miasa* izany milina izany. L'estomac fonctionne bien. *Miasa* tsara ny ambavafó.

FOND, *sm*. 1° Vody, ny lempona indrindra, fara vody, fanambany, halalina, farany, tampim-body. Le — d'une bouteille. Ny *vody* tavoahangy. La maison est bâtie dans un —. Miorina ao amy ny *lempona indrindra* ny trano. Le — de cette bouteille de vin est trouble. Maloto ny *fara vodin*-divay amin'io tavoahangy io Le — de la mer. Ny *fanambanin'* ny ranomasina. Sonder le — de la mer. Manakatra ny *halalin'* ny ranomasina. Il y a vingt brasses de —. Faharoapolo ny *halaliny*. Le — d'une église. Ny *faran'* ny trano leglizy. Mettre un — à un tonneau. Manisy *tampim-bodim*-barika. ‖ *loc*. C'est une mer sans —. Ranomasina tsy taka-polopolorina, tsy hita noanoa. 2° —, Tany. Bâtir sur un — peu solide. Manorina trano amy ny *tany* malemy. 3° *fig*. Fotopototra, tena. Il connaît le — de cette affaire. Mahalala ny *fotopototr'* izany raharaha izany izy. Il n'a pas encore touché le — de la question. Tsy mbola nikasika ny *tena* raharaha izy. 4° —, Ny ao anaty. Dieu connaît le — des cœurs. Andriamanitra mahalala *ny ao anatin'* ny fo.

À fond, *loc. adv*. Indrindra. Il possède cette science à —. Mahay *indrindra* izany fahaizana izany izy.

À fond de train, Haingana dia haingana.

De fond en comble, *loc. adv*. Voy. Comble.

FONDAMENTAL, ALE, *adj*. 1° Fototra. Pierre fondamentale. Vato *fototra*. 2° *fig*. Zavatra lehibe indrindra. Principe —. Foto-kevitra *lehibe indrindra*.

FONDANT, ANTE, *adj*. 1° Mora levona. Ce sont des fruits fondants. Voankazo *mora levona* ao am-bava ireo. 2° —, Mandevona. Ces remèdes sont fondants. Fanafody *mandevona* ireo.

—, *sm*. Fanafody mandevona.

FONDATEUR, TRICE, *s*. 1° Mpanorina, mpamorona. 2° —, Olona nanokambola hanaovan-javatra mahasoa.

FONDATION, *sf*. 1° Fototra, fanorenana. On travaille encore aux fondations. Mbola manao ny *fototra*, etc. La — de cette ville date de cent ans. Zato taona no *nanorenana* izany tanàna izany. 2° *fig*. Fanorenana, famoronana. Depuis la — de cet empire. Hatramy ny *nanorenana* izany fanjakana izany. 3° —, Vola natokana hanaovan-javatra mahasoa.

FONDÉ, ÉE, *p*. et *adj*. 1° Voaorina, tafaorina, naorina, miorina. 2° *fig*. Voaforona, noforonina. 3° —, Nankinina, miankina, misy fotony, — antony. Sa demande est fondée. *Misy fotony, — antony* ny fangatahany.

FONDEMENT, *sm*. 1° Fototra, fanorenana. Il pose les fondements de l'eglise. Manao ny *fototra*, etc., ny trano leglizy izy. Il creuse les fondements. Mihady ny *fototra*, etc., izy. 2° *fig*. Fanorenana, famoronana. Romulus a jeté les fondements de l'empire romain. Romolosy no *nanorina* ny fanjakana romana. 3° —, Fiankinana, fototra, antony. Les lois sont les fondements de l' État. Ny lalàna no *iankinan'* ny fanjakana. La crainte de Dieu est le — de la sagesse. Ny fahatahorana an'Andriamanitra no *fototry* ny fahendrena. C'est un bruit sans —. Tsaho tsy misy *fotony, antony* izany. Il se plaint sans —. Tsy misy *fotony, antony* ny fitarainany. 4° —, Comme Anus.

FONDER, *va*. 1° Manorina. — une maison sur le roc. *Manorina* trano eny ambonin' ny vatolampy. — une ville. *Manorina* tanàna. 2° *fig*. Manorina, mamorona. — une royaume. *Manorina* fanjakana. — un ordre religieux. *Mamorona* fikambanandrelijiozy. 3° — Manokam-bola hanaovanjavatra mahasoa. Il a fondé un hôpital. *Nanokam-bola hanaovana* trano fitsaboana izy. 4° —, Manankina. Sur quoi fondez-vous votre opinion ? Inona no *anankinanao* ny hevitrao ?

Se fonder, *vpr*. Miankina.

FONDERIE, *sf.* Trano fandrendrehana, —fanidinana.

FONDEUR, *sm.* Mpandrendrika, mpanidina.

FONDRE, *va.* 1° Manempo, mampiempo, mandrendrika, manidina. Il fond de la cire. *Manempo* savoka izy. Le soleil fond la neige. Ny masoandro *mampiempo* ny oram-panala. —de l'or. *Mandrendrika* volamena. — un canon, une cloche. *Manidina* tafondro, lakolosy. 2° —, Mandevona. —un abcès. *Mandevona* vay. 3° *fig.* Manakambana, mampifanaraka. —plusieurs fois en une seule. *Manakambana* lalána samihafa ho iray.

—, *vn.* 1° Miempo, mitsonika. Le beurre fond. *Miempo*, etc., ny dibera ‖ *loc.* — en larmes. Manao ranomaso havozona. 2° *fig.* Mihalevona. Sa fortune fond entre ses mains. *Mihalevona* ao an-tánany ny hareny. 3°—, Mirotsaka, miantoraka, manjó. L'orage fondit tout à coup. *Nirotsaka* tampoka ny ranonoram-baratra. Le chat fond sur la souris. *Miantoraka* amy ny totozy ny saka. Les maux qui fondirent sur nous. Ny loza *nanjó* antsika.

Se fondre, *vpr.* 1° Miempo, mitsonika. 2°—, Mihalevona. 3° *fig.* Mikambana, mifanaraka. Ces deux teintes se fondent bien ensemble. *Mifanaraka* tsara ireo volon-doko roa ireo.

FONDRIÈRE, *sf.* Tany mandrevo, honahona.

FONDS, *sm.* 1° Tany. Planter dans un bon —. Mamboly amy ny *tany* tsara 2°—, Vola. Placer ses —. Mampanjanaka ny *volany*. 3°—, Renivola. Il mange non seulement le revenu, mais aussi le —. Tsy ny zanabola hiany no laniny fa ny *reniny* koa. 4°—, Zana-bola omen' ny fanjakana. Les — ont baissé. Nihem-bidy ny taratasy vola fakana *zana-bola omen' ny fanjakana*. 5°—, Varotra. Il a un excellent — de magasin. Tsara dia tsara ny *varony*. 6° *fig.* Kolotany, habetsahana. Il a un grand — d'esprit. Lehibe ny *kolotanin*-tsainy. Cela prouve un grand — de savoir. Mampiseho *kolotanim*-pahaizana lehibe izany. Il a un grand — de vertu. *Be* hatsaram-panahy izy.

FONDU, UE, *p.* et *adj.* 1° Voaempo, nempoina, miempo, voarendrika, narendrika, rendrika, voaidina, naidina. Plomb —. Firaka *voaempo, nempoina, miempo*. 2°—, Levona, nolevonina, mahia. Depuis sa maladie il est —. *Mahia* dia mahia izy hatrizay naharariany. 3° *fig.* Voakambana, nakambana, mikambana, nampifanarahina, mifanaraka.

FONTAINE, *sf.* Loharano, fantsakana. La — est bien profonde. Lalina dia lalina ny *loharano*, etc. La — ne coule plus. Tsy mikararána intsony ny *fantsakana*. La — est ornée de statues. Miravaka sariolona ny *fantsakana*.

FONTE, *sf.* 1° Fanempoana, fampiempoana, fiempoana, fandrendrehana, fanidinana. 2°—, Vy anidina, tsora. Marmite de —. Vilany *vy anidina*. Ouvrage de —. Zavatra natao tamy ny *vy anidina*, etc.

FONTS, *sm. pl.* Tavy lehibe misy rano fanaovana batemy.

FOR, *sm.* Le — intérieur. Ny ao am-po.

FORAGE, *sm.* Fandoahana, fangirihana. Le — d'un canon. Ny *fandoahana*, etc., tafondro.

FORAIN, AINE, *adj.* Mitoetra amy ny tany hafa, mitety tsena. Propriétaire—. Tompon-tany *mitoetra amy ny tany hafa*. Marchand —. Mpivarotra *mitety tsena*.

FORBAN, *sm.* Jiolahin-tsambo.

FORÇAT, *sm.* Gadralava.

FORCE, *sf.* 1° Tanjaka, hatanjahana, aina, hery, hamafy. Il perd de sa—. Mihena ny *tanjany*, ny *hatanjahany*, ny *heriny*, mihakely *aina* izy. Les forces du corps. Ny *tanjaka, herin'* ny vatana. Il est dans la — de l'âge. Efa mby amy ny taonan'ny *fahatanjahana* izy. Il le frappa de toute sa—. Namely azy araka izay tratry ny *ainy*, ny *heriny* izy. La — d'une nation. Ny *herin'* ny fanjakana anankiray. La — de l'eau. Ny *herin'* ny rano. La — du poison. Ny *herin'* ny poizina. Employer la—. Manao an-*kery*. La — d'une étoffe. Ny *hamafin'* ny lamba. 2° *fig.* Hafainganan-tsaina, fahaizana. L'étude augmente la — de l'esprit. Ny fianarana mampitombo ny *hafainganan-tsaina*. Il est d'une certaine — sur le violon. *Mahaihay* hiany izy amy ny lokanga. 3°—, Hery, hamafy, herim-po. La — d'une preuve. Ny *herin'* ny porofo anankiray. Les lois étaient sans—. Tsy nanan-*kery* intsony ny lalána. Son style a beaucoup de—. Manan-*kery* lehibe ny laha-teniny. Il s'éleva avec — contre les abus. Naníny *mafy* ny fanao tsy mety izy. Il a une grande — de caractère. Be *herim-po*

izy. 4°—, *pl.* Miaramila. Il assembla les forces du pays. Novoriny avokoa ny *miaramila* tao amy ny fanjakana. Les forces navales. Ny *miaramila* an-tsambo, ny sambo mpiady.

—, *adv.* Betsaka. Il a — diamants. Manana diamondra *betsaka* izy.

À toute force, *loc. adv.* Na manao ahoana na manao ahoana. Il veut à toute — venir à bout de son entreprise. Tebanatanteraka ny fikasany izy *na manao ahoana na manao ahoana.*

De force, *loc. adv.* An-kery, an-terisetra. Prendre une ville de—. Maka tanána *an-kery.* De gré ou de — il faut que vous buviez ce remède. Na an-tsitra-po na *an-terisetra* tsy maintsy hisotro io fanafody io hianao.

À force de, *loc. prép.* Noho ny faherezana. A — de prier il a obtenu ce qu'il demandait. *Noho ny faherezany* nivavaka dia nahazo izay nangatahiny izy.

Par force, *loc. adv.* An-kery, an-terisetra, an-terivozona. On le fit entrer par—. Nampidirina *an-kery,* etc., izy.

FORCÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Vaky, novakina, nopotsirina, potsitra, napitsoka, nopitsohina. 2°—, Nidirana an-kery. 3° —, Voatery, noterena, voavozona, novozonana, nanaovana an-terisetra, nanaovana an-terivozona, hery. La ville fut forcée de se rendre. *Hery* nanaiky ny tanána. 4°—, Jenitra, miangolangola, miangeso, miangentsana. Il a une attidude forcée. *Jenitra* izy. Style —. Laha-teny *miangolangola, miangeso, miangentsana.* Voy. Affecté.

FORCÉMENT, *adv.* An-kery, an-terisetra, an-terivozona.

FORCENÉ, ÉE, *adj.* et *s.* 1° Misamontitra, misafoaka, mifoaka, mitroatra, mifoaba, romotra. 2°—, Mihoa-pampana, diso ohatra, izaitsizy. Ambition forcenée. Fitsiriritam-boninahitra *mihoa-pampana,* etc.

FORCER, *va.* 1° Mamaky, mamotsitra, mampipitsoka, manapitsoka. — une porte. *Mamaky* varavarana. — une serrure. *Mamotsitra, mampipitsoka, manapitsoka* hidin-trano. 2°—, Miditra an-kery, maka an-kery. — le camp ennemi. *Miditra an-kery* amy ny tobin' ny fahavalo. 3°—, Manery, mamozona, manao an-terisetra, manao an-terivozona. On le force à partir. *Terena, vozonana* mba hiala izy. On m'a forcé la main. *Noterena, novozonana, nanaovana an-terisetra, nanaovana an-terivozona* aho. ‖ *loc.* — sa nature. Manao tsy araka ny aina, manao izay tsy zakany. — le pas. Mandeha haingana kokoa.

Se forcer, *vpr.* 1° Manao an' aina loatra, manao am-bezatra loatra, manao mafy loatra. Ne vous forcez point, vous vous ferez mal. Aza *manao an'aina loatra,* etc., fandrao marary hianao. 2°—, Manao izay tratry ny aina.

FORÉ, ÉE, *p.* et *adj.* Loaka, voaloaka, noloahana, voahirika, nohirifana. Clef forée. Fanalahidy *loaka.*

FORER, *va.* Mandoaka, mangirika. — un canon. *Mandoaka,* etc., tafondro.

FORESTIER, IÈRE, *adj.* Momba ny ala. Lois forestières. Lalána *momba ny ala.* Garde —. Mpiambina *ny ala.*

FORET, *sm.* Kamositra.

FORÊT, *sf.* Ala. Grande — *Ala* be. Aller à la —. *Mianala.* Habitants des forêts. *Tanala.* — vierge. *Ala* mbola tsy vaky lay.

FORFAIRE, *vn.* Manao fitsara-mitanila, manala bara-tena.

FORFAIT, *sm.* Heloka be vava.

FORFAITURE, *sf.* Fitsara-mitanila.

FORFANTERIE, *sf.* Faherezam-bava, firehaka, hakevohana. Comme Fanfaronnade.

FORGE, *sf.* Fanefena, trano fanefena. Le fourneau d'une —. Fatam-*panefena.* Le soufflet d'une —. Tafoforana *fanefena.* Mener un cheval à la —. Miton dra soavaly amy ny *trano fanefena.*

FORGÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Voatefy, notefena. 2° *fig.* Voaforona, noforonina. Mot—. Teny *voaforona,* etc.

FORGEABLE, *adj.* Azo tefena.

FORGER, *va.* 1° Manefy vy. — une épée. *Manefy* sabatra. 2° *fig.* Mamorona. — une fable. *Mamorona* fanoharana. — un mensonge. *Mamoron*-dainga.

Se forger, *vpr.* 1° Tefena. 2° *fig.* Mamorona. Se — des chimères. *Mamorona* hevi-dravina.

FORGERON, *sm.* Mpanefy vy.

FORGEUR, *sm.* 1° Mpanefy vy. — de couteaux. *Mpanefy* antsy. 2° *fig.* Mpamoron-dainga. C'est un — de calomnies. *Mpamorona* endrikendrika izy.

FORJETER, *vn.* Mivoaka. Ce mur forjette. *Mivoaka* io rindrina io.

FORMALISER (SE), *vpr.* Sosotra, sarotsarotiny.

FORMALISTE, *adj.* et s. 1° Manaraka indrindra ny fanao. 2° —, Manaraka loatra ny fomba fanajana madinika.

FORMALITÉ, *sf.* 1° Fanao, fomba. Il n'a pas suivi toutes les formalités du mariage. Tsy nanaraka ny *fanao, fomba* rehetra amy ny fanambadiana izy. 2° —, Fomba fanajana. Il est attaché aux moindres formalités. Tsy ialany ny *fomba fanajana* madinika.

FORMAT, *sm.* Ny haben' ny boky.

FORMATION, *sf.* 1° Famoronana, fiforonana, fanaovana. 2° —, Fampianarana, fianarana. 3° —. Fihaviana, fahatongavana. Voy. FORMER.

FORME, *sf.* 1° Tarehy, endrika, bika, toetra. La — d'un oiseau. Ny *tarehy, ny endriky* ny vorona. L'ange apparut à Tobie sous la — d'un voyageur. Ny anjely niseho taminy Tobia tamy ny *tarehy, endriky* ny mpivahiny. Cet animal a des formes gracieuses. Tsara *tarehy, endrika, bika* io biby io. La — du nez. Ny *toetry* ny orona. 2° *fig.* Toetra, teny, fomba fitenenana, fandaha-teny, fanao, fomba, fomba fanajana. J'y ai vu la misère sous toutes ses formes. Efa nahita mahantra samihafa *toetra* tao aho. On changea la — du contrat, mais en conservant le fond. Novana ny *teny* ao amy ny fanekena, kanefa ny tena heviny tsy novana. Il sait varier les formes de son style. Mahay manovaova ny *fomba fitenenana, fandaha-teny* amy ny laha-teniny izy. Le mariage a été fait dans les formes. Vita araka ny *fanao,* ny *fomba* ny fanambadiana. On a changé la — du gouvernement. Novana ny *fombam*-panjakana. Il a des formes polies. Mahay *fomba* fanajana izy. 3° —, Lasitra.

En forme, *loc. adv.* Araka ny fanao, araka ny fomba.

Pour la forme, *loc. adv.* Araka ny fanao fotsiny. Je l'ai visité pour la —. Namangy azy *araka ny fanao fotsiny* aho.

FORMÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Voaforona, noforonina, natao. 2° —, Tonga, manjary, avy. 3° —, Nampianarina, nozarina, mahay, hendry, tsara. Ces soldats sont bien formés. *Nampianarina* tsara, *mahay* tsara ireo miaramila ireo. Il a la taille bien formée. *Tsara* bika izy.

FORMEL, ELLE, *adj.* Mazava, miharihary. Ces paroles sont formelles. *Mazava,* etc., ireo teny ireo.

FORMELLEMENT, *adv.* Miharihary, mihitsy loha, mafy. Il a nié —. Nandà *niharihary, mafy* izy, *nihitsy loha* nandà izy.

FORMER, *va.* 1° Mamorona, manao. Dieu a formé l'univers. *Namorona* izao tontolo izao Andriamanitra. Dieu a formé l'homme à son image. *Nataon'*Andriamanitra mitovy endrika aminy ny olona. Ils ont formé une société de commerce. *Namorona, nanao* fikambanana momba ny varotra izy ireo. Formez un cercle. *Manaova* fari-bolana. — un dessein. *Manao* fikasana. 2° —, Tonga, manjary, ihaviana. Les vapeurs forment les nuages. Ny fofon-drano no *tonga, manjary* rahona, no *ihavian'* ny rahona. Plusieurs mots forment une phrase. Teny maro no *tonga, manjary* fehezan-teny. 3° —, Mampianatra, manazatra. — des élèves, des soldats. *Mampianatra* sokoly, miaramila. Il le forma aux bonnes mœurs. *Nampianatra* azy ny fitondran-tena tsara izy, *nozariny* hitondra tena tsara izy.

Se former, *vpr.* 1° Miforona, foronina, atao. Le poulet se forme dans l'œuf. *Miforona* ao anatin' ny atody ny akoho. Ce royaume s'est formé peu à peu. *Niforona* tsikelikely izany fanjakana izany. Un complot se forma alors contre le roi. Tamin' izay dia nisy teti-dratsy *noforonina, natao* mba hanohitra ny mpanjaka. Une trombe se forma tout à coup. Tamin' izay dia nisy rambon-danitra *niforona* tampotampoka. 2° —, Tonga, manjary, avy, misy. Il s'est formé un gouffre en cet endroit. *Tonga, nanjary* nisy lavaka mangotanatana tao. Ce mot se forme de celui-là. *Avy* amin' io ity teny ity. Des rassemblements se formèrent. *Nisy* olona maro nivorivory. 3° —, Mianatra, maka tahaka, mihamahay, mihahendry, mihatsara. Il s'est formé sur un bon auteur. *Nianatra, naka tahaka* tamy ny boky tsara anankiray izy. Il se forme tous les jours. *Mihamahay, mihahendry, mihatsara* isan'andro izy. Sa taille se forme. *Mihatsara* bika izy. 4° —, Milahatra. Ils se formèrent en bataille. *Nilahatra* mba hiady izy ireo.

FORMIDABLE, *adj.* Mahatahotra, mahatsiravina.

FORMULAIRE, *sm.* Filazana ny teny fanao, filazana ny fomba fanaovana fanafody.

FORMULE, *sf.* Teny fanao, fomba fa-

naovana fanafody. —de serment. *Teny fanao* amy ny fianianana.

FORMULER, *va.* 1° Manoratra araka ny teny fanao, manoratra araka ny fomba fanaovana fanafody. Cette ordonnance a été mal formulée. Tsy *voasoratra araka ny fomba fanaovana fanafody* ity taratasim-panafody ity. 2°—, Milaza mazava.

Se formuler, *vpr.* Lazaina araka ny teny fanao, lazaina araka ny fomba fanaovana fanafody.

FORNICATEUR, TRICE, *s.* Mpijangajanga.

FORNICATION, *sf.* Fijangajangana.

FORT, FORTE, *adj.* 1° Matanjaka, matomboka, tomady, be aina, mahery, mafy. C'est un homme grand et—. Lehilahy vaventy sady *matanjaka, matomboka, tomady, be aina* izy. L'ennemi est plus fort que nous. *Mahery* kokoa noho isika ny fahavalo. Ce café est trop—. *Mahery* loatra io kafé io. Cette étoffe est forte. *Mafy* izany lamba izany. Une forte digue. Fefiloha *mafy*. Place forte. Tanána *mafy*. 2° *fig.* Mahay. Il est — en arithmétique. *Mahay* marika izy. 3°—, Lehibe, mahery, mafy, mahery fo. Il reçoit un — sa'aire. Mahazo karama *be* izy. Vent —. Rivotra *mahery, mafy*. Voix forte. Feo *mahery, mafy*. Cela lui causa une forte émotion. Nampivadi-po azy *mafy* izany. C'est le plus — qui fait la loi. Izay *mahery* kokoa no mandidy. Ce que vous dites là est un peu—. *Mafy* loatra izany lazainao izany. Il a l'âme forte. *Mahery* fo izy. ‖ *loc.* Se faire—. Miantoka. Il se fait—d'en venir à bout. *Miantoka* izy fa hanatanteraka izany.

À plus forte raison, *loc. adv.* Fa mainka.

FORT, *sm.* 1° Ny hay indrindra, ny atiny indrindra, ny mafy indrindra. Son —, c'est l'histoire. Ny *hainy indrindra* dia ny tantara. Nous sommes au— de l'hiver. Amy *ny aty* ririnina *indrindra* isika. Dans le — de sa fièvre. Tamy ny izy nanavy *mafy indrindra*. 2°—, Ny matanjaka, ny mahery. Le — doit protéger le faible. *Ny matanjaka,* etc., tokony hiaro ny osa. 3°—, Bateрý. Construire un —. Manorina *bateŕy*.

—, *adv.* 1° Mafy, izaitsizy, loatra. Frapper—. Mamely *mafy*. J'en suis—surpris. Gaga *izaitsizy, loatra* aho amin' izany.

FORTEMENT, *adv.* Mahery, mafy. Il le saisit —. Nogiazany *mafy* izy. Parler —. Miteny *mahery, mafy*.

FORTERESSE, *sf.* Bateŕy, tanána fiarovana.

FORTIFIANT, ANTE, *adj.* Mahatanjaka. Aliment —. Hanina *mahatanjaka*.

—, *sm.* Zavatra mahatanjaka.

FORTIFICATION, *sf.* Fanamafisana, manda. On travaille à la — de la ville. *Hamafisina* ny tanána. Les fortifications de la ville sont excellentes. Tsara ny *fanamafisana* ny tanána, ny *mandan'* ny tanána.

FORTIFIER, *va.* Mahatanjaka, manamafy, mankahery. Le vin fortifie. *Mahatanjaka* ny divay. — un mur, une place. *Manamafy* rindrina, tanána. Il m'a fortifié dans mon dessein. *Nanamafy* ny fikasako izy. La prière fortifie l'âme. Ny fivavahana *mankahery* ny fanahy.

Se fortifier, *vpr.* Mihamatanjaka, mihamafy, mihamahery. Se — dans un poste. *Manamafy* ny tanána itoerany.

FORTIN, *sm.* Bateŕy kely.

FORTUIT, ITE, *adj.* Sendrasendra, tsitointoina. Cas —. Zavatra *sendrasendra*, etc.

FORTUITEMENT, *adv.* Sendra, sendrasendra, tsitointoina. Je l'ai rencontré —. *Sendra* nifanena taminy aho, *sendrasendra, tsitointoina* no nifanenako taminy.

FORTUNE, *sf.* 1° Zavatra sendrasendra, kinanga, anjara, rasa. Il préféra courir la — des armes. Naleony nanao *kinanga* tamy ny ady. Tenter —. Manao *kinanga* mba hahazoan-karena. Nous sommes compagnons de —. Miray *anjara* isika, miray an-kasoavana sy an karatsiana isika. Il a éprouvé des revers de —. Nivadiban' ny *rasa* izy. 2°—, Zara, vintana, fanambinana. Bonne —. *Zara, fanambinana*. J'ai eu la bonne — de le rencontrer. *Zara* ho ahy, *vintan*-ko ahy ny nifanenako taminy. Sa — l'a abandonné Tsy *ambinina* intsony izy. Il est parvenu à une haute—. Manan-*jara, vintanina, ambinina* loatra izy. Mauvaise —. *Vintan*-dratsy, loza, manjó. Faire contre mauvaise—bon cœur. Mandefitra ny *vintan-dratsy*, ny *loza*, ny *manjó*. 3° —, Harena. Ménager sa—. Mitsitsy ny *hareny*.

FORTUNÉ, ÉE, *adj.* Manan-jara, vintanina, ambinina, sambatra.

FORUM, *sm.* Kianja fikabariana tany Roma.

FOSSE, *sf.* 1° Lavaka, fahitra, a'y. — à fumier. *Lava*-jezika. Il tomba dans une—. Lavo tao anaty *lavaka* izy. Il fut jeté dans la — aux lions. Natsipy tao am-*pahitry* ny liona izy. Les fosses nasales. Ny *aly* orona. 2°—, Fasana. On a creusé sa —. Voahady ny *fasany.*

FOSSÉ, *sm.* Hady. C'est un pays coupé de fossés. Be *hady* izany tany izany.

FOSSETTE, *sf.* 1° Lavaka fanaovana am-piditra. 2°—, Fandaingina.

FOSSILE, *adj.* et *sm.* Biby na zava-maniry nilevina tany anatin'ny tany izay ela izay.

FOSSOYAGE, *sm.* Fihadiana.

FOSSOYER, *va.* Mihady.

FOSSOYEUR, *sm.* Mpihady fasana handevenana.

FOU ou **FOL, FOLLE,** *adj.* et *s.* 1° Adala. Il est fou à lier. *Adala* tokony hafatotra izy. Vous êtes fou d'agir ainsi. *Adala* hianao no manao izany. Cette mère est folle de ses enfants. *Adalan*-janaka io reny io. 2°—, Tsy misy heviny, tsy misy antony, tsy misy fotony. Il se berce d'un fol espoir Sodokain' ny fanantenana *tsy misy heriny*, etc., izy. 3°—, Be dia be, izaitsizy, lehibe dia lehibe. Il a dépensé un argent fou. Nandany vola *be dia be, izaitsizy* izy. Il est d'une gaieté folle. Mampiseho hafaliana *izaitsizy, lehibe dia lehibe* izy.

—, *sm.* Kilalaon'andriana.

FOUDRE, *sf.* 1° Varatra, hela-baratra, fotaka. La — sillonne les nues. Mitselatra ny *varatra*, ny *hela-baratra*. Il a été frappé de la —. Nilatsaham-*baratra*, — *potaka* izy. Ce fut pour lui comme un coup de—. Taitra hoatra ny novakim-*baratra* izy tamin'izay. 2° *fig.* Hatezerana. Seigneur, retenez vos foudres. Andriamanitrā, tano ny *hatezeranao*.

—, *sm.* Un—de guerre. Jeneraly mahery an'ady.

FOUDROIEMENT ou **FOUDROÎMENT,** *sm.* Fandatsaham-baratra.

FOUDROYANT, ANTE, *adj.* 1° Mandatsa-baratra. 2° *fig.* Mahatsiravina, mahataitra. Regard —. Fijery *mahatsiravina*. Nouvelle foudroyante. Zava-baovao *mahatsiravina*, etc.

FOUDROYER, *va.* 1° Mandatsa-baratra. 2° *fig.* Mandrava amy ny tafondro. —une ville. *Mandrava* tanána *amy ny tafondro*. 3°—, Mandrava, mamongotra. —l'hérésie. *Mandrava*, etc., ny herezia.

FOUET, *sm.* 1° Karavasy. 2°—, Kotopia, rotsa-kazo.

FOUETTER, *va.* 1° Mikapoka amy ny karavasy. Fouettez le cheval. *Kapohy karavasy* ny soavaly. 2°—, Mikapoka amy ny kotopia, — amy ny rotsa-kazo. Fouettez cet enfant. *Kapohy amy ny kotopia*, etc., io zazalahy io. 3°—. Mikapoka. Fouettez les œufs. *Kapohy* ny atody.

—, *vn.* Mamely. La pluie fouette contre les vitres. Ny ranonorana *mamely* ny fitaratra.

FOUETTEUR, EUSE, *s.* Mpikapoka amy ny kotopia, — amy ny rotsa-kazo.

FOUGÈRE, *sf.* Ampanga. Arbre —. *Ampanga* hazo.

FOUGUE, *sf.* 1° Hatezerana, haditra. 2°—, Faharisihana, hafanam-po, firehitra. La — de ce poëte s'est ralentie. Nihena ny *hafanam-po*, ny *firehidrehitr'* io mpanao tonon-kira io.

FOUGUEUX, EUSE, *adj.* 1° Mora tezitra, saro-po, maditra. Homme —. Lehilahy *mora tezitra, saro-po*. Cheval —. Soavaly *maditra*. 2°—, Marisika, mafana fo, mirehitra. La jeunesse est fougueuse. *Marisika, mafana fo* ny tanora. Il est entraîné par ses passions fougueuses. Entin'ny *firehitry* ny filandratsiny izy. Il a une imagination fougueuse. *Mirehidrehitra* ny sainy.

FOUILLE, *sf.* Fihadiana.

FOUILLER, *va.* 1° Mihady. — une mine d'or. *Mihady* volamena. 2°—, Misava. — un voleur. *Misava* zavatra eny amy ny tenan' ny mpangalatra.

—, *vn.* 1° Mihady. 2°—, Mikaroka. —dans une armoire. *Mikaroka* zavatra ao anaty lalomoara. — dans l'histoire. *Mikaroka* amy ny tantara.

Se fouiller, *vpr.* Mikaroka ny paosiny.

FOUILLIS, *sm.* Korontan-javatra.

FOUINE, *sf.* 1° Karazam-biby mitovitovy amy ny kary. 2° *fig.* Olona tia karokaroka.

FOULAGE, *sm.* Fanerena, fanitsahana.

FOULANT, ANTE, *adj.* Manery. Pompe foulante. Pompa *manery*.

FOULARD, *sm.* Lamba lasoa misoratsoratra, mosara lasoa misoratsoratra.

FOULE, *sf.* 1° Vahoaka be, — manetrinketrina,—mitribitribika. Il y avait—. Nisy *vahoaka be*, etc., tao. 2°—, Habetsahana, hamaroana. La—des affaires l'accable. Mangan' ny *habetsahan'*

ny rabaraha izy. Une—de gens disent... Olona *betsaka, maro* milaza..... 3° *fig*. Ankapobem-bahoaka, sarambem-bahoaka, vahoaka, valalabemandry. Il s'est élevé au-dessus de la—. Tafasondrotra ambonin' ny *ankapobem-bahoaka* izy. Il était confondu dans la—. Nifangaroharo tamy ny *ankapobem-bahoaka*, etc., izy.

FOULER, *va*. 1° Manery, manitsaka, manosy. —le drap. *Manery* lopótra. —la vendange. *Manitsaka* voaloboka. Les corroyeurs foulent le cuir avec les pieds pour l'amollir. Ny mpandon-koditra *manitsakitsaka* ny hoditra mba hanalemy azy. —l'herbe. *Manitsaka, manosy* ny ahitra. 2° —, Mampipitsoka, mampioritra. Cette chute m'a foulé le poignet. Ny nahapotrahako *nampipitsoka*, etc., ny hato-tánako. 3° *fig*. Homana. —le peuple. *Homam*-bahoaka. ‖ *loc*. —aux pieds. Manamavo, manitsakitsaka. —aux pieds les vanités du monde. *Manamavo* ny zava-poan' izao tontolo izao. —aux pieds toutes les lois. *Manitsakitsaka* ny lalána rehetra.

Se fouler, *vpr*. Mipitsoka, mioritra. Je me suis foulé le pied, mon pied s'est foulé. *Nipitsoka, nioritra* ny tongotro.

FOULON, *sm*. Mpanery lopótra.

FOULURE, *sf*. Mipitsoka, fipitsohana, mioritra, fioretana.

FOUR, *sm*. Lafaoro, memy. Mettre le pain au—. Mampiditra mofo ao anaty *lafaoro*. —à brique. *Lafaoro* fandoroantanimanga. —à chaux. *Lafaoro, memy* fandoroan-tsokay. —de verrerie. *Memy* fanaovana fitaratra.

FOURBE, *adj*.et *s*. Mpihatsaravelatsihy.

FOURBERIE, *sf*. Fihatsarambelatsihy.

FOURBIR, *va*. Mamotsy. —un sabre. *Mamotsy* sabatra.

FOURBISSEUR, *sm*. Mpamotsy.

FOURBISSURE, *sf*. Famotsiana.

FOURCHE, *sf*. 1° Hazo na vy misampana. 2°—, Zavatra misampana. Plus loin le chemin fait une —. Rahefa lasa lavidavitra kokoa dia *misampana* ny lálana.

FOURCHÉ, ÉE, *adj*. Misampana, mibaka, misaraka, mivaky roa. Chemin—. Lálana *misampana*.

FOURCHER, *vn*. Misampana, mibaka, misaraka, mivaky roa.

Se fourcher, *vpr*. Misampana, mibaka, misaraka, mivaky roa.

FOURCHETTE, *sf*. Forsety, fitrebika.

FOURCHU, UE, *adj*. Misampana, mibaka, misaraka, mivaky roa. Arbre—. Foto-kazo *misampana, mibaka*. Barbe fourchue. Volom-bava *mibaka, misaraka*. Pied —. Kitro *mivaky* roa.

FOURGON, *sm*. 1° Sarety fitondrana fiadiana. 2°—, Fisoitra afon-dafaoro.

FOURGONNER, *va*. 1° Misoitra afo amy ny lafaoro. 2° *fig*. Mikarokaroka.

FOURMI, *sf*. Vitsika. Grosse—dont la fourmilière est suspendue aux arbres. *Vitsikambo*.

FOURMILIÈRE, *sf*. 1° Lava-bitsika, votry. Grosse—formant bosse sur le sol. *Votry*. —suspendue aux arbres. Varangam-*bitsika*. 2°—, Vitsika iray lavaka. La — se mit en mouvement. Nihahohaho ny *vitsika iray lavaka*. 3° *fig*. Zavatra mihahohaho hoatra ny vitsika. Une—de souris. Totozy *mihahohaho hoatra ny vitsika*.

FOURMI-LION, *sm*. Taindambokely.

FOURMILLEMENT, *sm*. Famolivoly, fandretsidretsika.

FOURMILLER, *vn*. 1° Mihahohaho, betsaka dia betsaka, hoatra ny vitsika. Ces rues fourmillent de peuple. *Mihahohaho*, etc., ny vahoaka amin'ireo araben-dálana ireo. Les fautes fourmillent dans cet ouvrage. *Betsaka dia betsaka* ny diso amin' izany boky izany. 2°—, Mamolivoly, mandretsidretsika. Les jambes me fourmillent. *Mamolivoly*, etc., ny ranjoko.

FOURNAISE, *sf*. Memy. Les trois enfants furent jetés dans la —. Natsipy tao anatin' ny *memy* ireo zazalahy telo lahy ireo La vertu s'éprouve dans l'adversité comme l'or dans la—. Ny hatsarampanahy no tsapaina ao anatin' ny fahoriana tahaka ny volamena ao anatin' ny *memy*.

FOURNEAU, *sm*. Fatana. — de fer. *Fatam*-by. —de forge. *Fatam*-panefena.

FOURNÉE, *sf*. Eran' ny lafaoro, indray mandoro. —de pain. Mofo *eran' ny lafaoro*. Une — de chaux. Sokay *indray mandoro*.

FOURNI, IE, *p*. et *adj*. 1° Voavatsy, novatsiana, mivatsy, voavonona, novononina, vonona, mivonona, áry fomba, áry fanaka, áry fady, feno, nofenoina, nasiana, misy, be zavatra, be entana. Le voyageur est—de tout. *Vonona, áry fomba* amy ny zavatra rehetra ny mpivahiny. La maison est bien fournie. *Áry fomba, áry fanaka, áry fady* ny trano. Sa boutique est bien fournie. *Feno* va-

rotra, *be zaratra, be entana* ny trano fivarotany. La table est bien fournie. *Feno* hanina, *be* hanina ny latabatra. 2°—, Matevina. Il a une barbe bien fournie. *Matevina* ny volom-bavany. 3°—, Nomena. omena, voalaza. nolazaina, naposaka. naseho, natolotra.

FOURNIMENT, *sm.* Fomba. Chaque soldat a son —. Samy áry *fomba* avokoa ny miaramila rehetra.

FOURNIR, *va.* 1° Mamatsy, mamonona, mampahazo, mameno, manisy. Il a fourni l'armée de blé. *Namatsy* varimbazaha ny mpiantafika izy. Il fournit du pain aux soldats. Izy no *mamonona* mofo ho any ny miaramila. Ce marchand m'a fourni de bois. Io mpivarotra io no *nahazoako* kitay. Il a fourni la maison de meubles. *Nameno, nanisy* fanaka ny trano izy. 2°—, Manome, milaza, manaposaka, mampiseho, manolotra. Il m'a fourni de bonnes idées. *Nanome* hevitra tsara ahy izy. Il m'a fourni de bons renseignements sur cette guerre. *Nilaza* tsara tamiko ny zavatra momba izany ady izany izy. Il n'a pas encore fourni toutes les pièces nécessaires à l'instruction de cette affaire. Tsy mbola *naposany, nasehony, natolony* ny taratasy rehetra handinihana izany raharaha izany.

Se fournir, *vpr.* Mivatsy, mivonona, mamonona.

FOURNISSEUR, *sm.* Mpamatsy, mpamonona.

FOURNITURE, *sf.* 1° Vatsy, zavatra novononina. 2° —, Famatsiana, famononana.

FOURRAGE, *sm.* Vilona maina, mololo.

FOURRAGER, *vn.* Maka vilona.

—, *va.* Manimba. Les lapins ont fourragé mon jardin. *Simban'* ny bitro ny zardaiko.

FOURRAGEUR, *sm.* Mpaka vilona.

FOURRÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Voasosona na voahaingo hoditra malemy volo. Manteau—. Kapaoty *voasasona na voahaingo hoditra malemy volo.* 2°—, Voatsofoka, tafatsofoka, natsofoka, nampidirina, natsatoka, voasesika, nasesika, matevina. Bois—. Ala *matevina.* 3° *fig.* Tafalatsaka, nalatsaka, voasisika, nasisika.

FOURRÉ, *sm.* Zava-maniry milobolobo. Il se cacha dans un—. Niery tao anaty *zava-maniry milobolobo* izy.

FOURREAU, *sm.* Trano, fono. — d'épée. *Tranon*-tsabatra. —de parapluie. *Fonon'* elo.

FOURRER, *va.* 1° Manisy hoditra malemy volo ho sosona na haingo. 2°—, Manatsofoka, mampiditra, manatsatoka, manesika. —le bras dans un trou. *Manatsofoka, mampiditra* sandry ao anaty lavaka. Il lui a fourré le sabre dans le ventre. *Notsatohany* sabatra ny kibony. Elle fourre toujours des gâteaux à son enfant. *Sesehany* mofo mandrakariva ny zanany. 3° *fig.* Mandatsaka, mampiditra, manisika. Il ne peut — sa leçon dans sa tête. Tsy mahay *mandatsaka, mampiditra* an-tsaina ny tsianjeriny izy. Il fourre toujours du latin dans ses discours. *Manisika* teny latina mandrakariva amy ny lahateniny izy.

Se fourrer, *vpr.* 1° Mitafy mafana. Il faut se bien — en hiver. Tokony *hitafy mafana* raha ririnina. 2°—, Mitsofoka, miditra, mitsatoka, misesika. 3° *fig.* Milatsaka, misisika. Il se fourre dans toutes les affaires. *Misisika* amy ny raharaha rehetra izy.

FOURRIER, *sm.* Manamboninahitra mpitandrina ny zavatra ilain'ny miaramila.

FOURRURE, *sf.* Hoditra malemy volo.

FOURVOIEMENT, *sm.* 1° Hadisoandálana. 2° *fig.* Hadisoan-kevitra, faniavana, fiviliana.

FOURVOYER, *va.* 1° Mampandiso lálana. Ce guide nous a fourvoyés. Io mpitari-dálana io *nampandiso lálana* anay. 2° *fig.* Mahadiso hevitra, mampaniasia, mampivily. Voy. ÉGARER.

Se fourvoyer, *vpr.* 1° Diso lálana. 2° *fig.* Diso hevitra, maniasia, mivily.

FOYER, *sm.* 1° Fatana. Otez la cendre du —. Esory ny lavenona ao am-*patana*. 2° *fig.* Foi-be. Cette ville est le — des sciences. Izany tanána izany no *foi-ben'* ny fahaizana. 3°—, *pl.* Tanin-drazana. Il est retourné dans ses foyers. Nody tany amy ny *tanin-drazany* izy.

FRAC, *sm.* Akanjo zabý.

FRACAS, *sm.* 1° Fanapatapahana, famakivakiana, fanorotoroana. Le vent a fait un grand — dans cette forêt. Betsaka ny hazo *notapatapahin'* ny rivotra tamin' io ala io. 2°—, Fikotrokotroka, fitrena, fikorintsana. Le—du tonnerre. Ny *fikotrokotroky* ny varatra. Le — des eaux d'un torrent. Ny *fitrenan'* ny rianon-

driaka. Le—des armes. Ny *fikorintsan'* ny fiadiana. 3° *fig.* Tabataba. Quel—dans cette maison! Endrey izato *tabataba* ato an-trano!

FRACASSER, *va.* Manapatapaka, mamakivaky, manorotoro. Une bombe lui fracassa la jambe Nisy bomba anankiray *nanapatapaka* ny ranjony. Il a fracassé toutes les glaces. *Vakirakiny, torotorony* avokoa ny fitaratra rehetra.

Se fracasser, *vpr.* Tapatapaka, vakivaky, torotoro.

FRACTION, *sf.* 1° Famakiana. Les disciples d'Emmaüs connurent Notre Seigneur à la—du pain. Ireo mpianatra tany Emaosy dia nahafantatra ny Tompo tamy ny Izy *namaky* mofo. 2°—, Ny sasany. Une—de l'assemblée s'opposa à cela. Nisy *ny sasany* tamy ny fivoriana nanohitra izany. 3°—, Fraksiona.

FRACTIONNAIRE, *adj.* Misy fraksiona.

FRACTIONNEMENT, *sm.* Fizarazarana, fanokotokoana.

FRACTIONNER, *va.* Mizarazara, manokotoko.

Se fractionner, *vpr.* Mizara, mitokotoko.

FRACTURE, *sf.* 1° Fanapahana, fahatapahana, famakiana, fahavakiana. 2°—, Taolana tapaka.

FRACTURER, *va.* Manapaka, mamaky. —le bras. *Manapaka* ny sandry. —le crâne. *Mamaky* ny karandoha.

Se fracturer, *vpr.* Tapaka, vaky.

FRAGILE, *adj.* 1° Mora vaky, malia, marefo. Le verre est—. *Mora vaky,* etc., ny fitaratra. 2° *fig.* Malemy, mora levona. L'homme est—. *Malemy* ny olona. Les biens de ce monde sont fragiles. *Mora levona* ny harena eto an-tany.

FRAGILITÉ, *sf.* 1° Halia, harefo. 2° *fig.* Halemy, fahalevonana.

FRAGMENT, *sm.* 1° Vaky, tapaka. Les fragments d'une statue. Ny *vakivakin*-tsariolona anankiray. Les fragments d'un os. Ny *tapatapaky* ny taolana anankiray. 2° *fig.* Tapany. Il ne reste que quelques fragments de cet ouvrage. Tsy misy afa-tsy *tapatapany* vitsivitsy sisa amin'izany boky izany.

FRAI, *sm.* 1° Atodin-kazandrano. 2°—, Hazandrano vao foy.

FRAÎCHEMENT, *adv.* 1° Amy ny mangatsiatsiaka. Il marche la nuit pour aller—. Mandeha alina izy mba *hangatsiatsiaka*. 2°—, Vao, vao haingana. Voilà des fruits— cueillis. Indro voankazo *vao* nototazana.

FRAÎCHEUR, *sf.* 1° Hatsiatsiaka, fangatsiatsiaka, hatsiaka. La — des bois. Ny *hatsiatsiaka* any an' ala. La — de l'eau Ny *fangatsiatsiaky* ny rano. La — de la nuit m'a enrhumé. Ny *hatsiaka* raha alina nankararin'ny sery ahy. 2° *fig.* Fihiratra, hafinaritra. Cette rose a perdu sa —. Tsy *mihiratra* intsony io vonindraozy io. Elle a encore de la —. Mbola *mihiratra* hiany ny tarehiny. La — du style. Ny *hafinaritry* ny laha-teny.

FRAIS, FRAÎCHE, *adj.* 1° Mangatsiatsiaka, mangatsiaka. Vent—. Rivotra *mangatsiatsiaka* Au printemps les matinées sont encore fraîches. Raha lohataona mbola *mangatsiaka* hiany ny maraina. 2°—, Vaovao, lena, vao niseho, vao azo. Beurre—. Dibera *vaovao*. Poisson—. Hazandrano *lena*. Pain—. Mofo *vaovao*. Nouvelle fraîche. Zava-baovao *vao niseho*. Des lettres fraîches. Taratasy *vao azo*. 3° *fig.* Mihiratra, mahafinaritra. Ces couleurs sont encore fraîches. Mbola *mihiratra* ireo volon-doko ireo. Elle a encore le visage—. Mbola *mihiratra* tsara ny tarehiny. 4°—, Tsy sasatra. Nous primes des chevaux—. Naka soavaly *tsy sasatra* izahay.

—, *sm.* Ny mangatsiatsiaka. Chercher le —. Mitady *mangatsiatsiaka*.

Frais, *adv.* Vao, vao haingana. Canif— émoulu. Antsipika *vao* nasaina.

FRAIS, *sm pl.* 1° Ny lany. Les—de la guerre. *Ny lany* amy ny ady. Se mettre en—. *Mandany* be; *fig.* manao izay tratry ny aina. ‖ *loc.* Il a acquis de la gloire à peu de—. Nahazo voninahitra tsy nanasatra izy. Il a fait tous les—de la conversation. Izy hiany no nitarika ny resaka. 2°—, Ny lany amy ny fitsarana. Voy. DÉPENS.

FRAISE, *sf.* Karazam-boan-kazo mitovy amy ny voaroimena.

FRAMBOISE, *sf.* Voarointsaka, voaroimena.

FRAMBOISIER, *sm.* Foto-boarointsaka.

FRANC, *sm.* Iraimbilanja.

FRANC, FRANCHE, *adj.* 1° Afaka. tsy andoavam-bola. Port—. Seranana *tsy andoavana* fadin-tseranana. ‖ *loc.* —arbitre. Safidy, sitra-po. Il a ses coudées franches. Mahazo manaram-po izy. 2°—, Tsotra, mihitsy loha, amin-kitsim-po, tsy an-kifonofono. Personne franche. Olona

tsotra, *mihitsy loha, tsy* tia *ankifonofono*. Sa conduite dans cette affaire a été franche. Nampiseho *hitsim-po* tamin' izany raharaha izany izy. 3°—, Tena. C'est un—coquin. *Tena* karilahy izy. 4° —, Maninjitra, ngarangidina, mipaka. Dans trois jours francs. Ao anatin' ny hateloana *maninjitra*, etc.

Franc, *adv*. Tsotra, an-kitsiloha, aminkitsim-po, tsy an-kifonofono. Parler—. Miteny *tsotra*, etc.

FRANÇAIS, AISE, *adj*. et s. Frantsay.

—, *sm*. Teny frantsay. Il sait écrire le—. Mahay manoratra laha-*teny frantsay* izy.

FRANCE, *sf*. Frantsa.

FRANCHEMENT, *adv*. Tsotra, an-kitsiloha, amin-kitsim-po, tsy an-kifonofono. Parler—. Miteny *tsotra*, etc.

FRANCHIR, *va*. 1° Mandika, mamikina, mihoatra, mita. —un fossé. *Mandika, mamikina* tatatra. —une barrière. *Mihoatra* vala. L'armée franchit la montagne. *Nihoatra* ny tendrombohitra ny tafika. Il franchit le fleuve. *Nita* ny ony izy. 2° *fig*. Mihoatra, mandresy. Il a franchi les bornes du devoir. *Nihoatra* ny tokony hatao izy. —les difficultés. *Mandresy* ny samp na rehetra.

Se franchir, *vpr*. 1° Dikaina, vikinina, ihoarana, itana. 2° *fig*. Resena. Cet obstacle peut se—. Azo *resena* izany sampona izany.

FRANCHISE, *sf*. 1° Fanafahana, fahafahana. Cette ville jouit de certaines franchises. *Afaka* amy ny zavatra sasany izany tanàna izany. 2°—, Fahatsorana, fihitsiloha, hitsim-po.

FRANCISCAIN, *sm*. Fransiskana.

FRANCISER, *va*. Mahatonga ho teny frantsay.

Se franciser, *vpr*. Tonga teny frantsay. Ce mot s'est francisé. *Tonga teny frantsay* izany teny izany.

FRANC-MAÇON, *sm*. Framasao.

FRANCO, *adv*. Tsy andoavam-bola amy ny posta.

FRANGE, *sf*. Somotr' aviavin-damba, verin-drambo. Franges courtes. *Verindrambo*.

FRANGER, *va*. Manisy somotr'aviavy, manao verin-drambo, mamerin-drambo.

FRANQUETTE, *sf*. À la bonne —. Amim-pahatsorana, an-kitsiloha, aminkitsim-po.

FRAPPANT, ANTE, *adj*. Mahagaga. C'est une vérité frappante. *Mahagaga* izany zavatra marina izany. C'est un portrait — de ressemblance. *Mahagaga* ny fitovian' io sary io amin' izay nakana azy.

FRAPPE, *sf*. Mari-bola.

FRAPPÉ, ÉE, *p*. et *adj*. 1° Novelesina, nasiana, voakapoka, nokapohina, voavono, novonoina, voadona, nodonina, voa. 2° —, Voamarika, nomarihina. 3° *fig*. Voakapoka, nokapohina, voa, tratra, maty. Il fut — de la peste. *Voa, tratry* ny areti-mifindra izy. 4°—, Gaga, be ahiahy. Il fut — de sa beauté. *Gaga* tamy ny hatsaran-tarehiny izy. Ce malade a l'imagination frappée, est —. *Be ahiahy* io marary io.

FRAPPEMENT, *sm*. Fikapohana. Le —du rocher par Moïse. Ny *nikapohany* Moizy ny vatolampy.

FRAPPER, *va*. 1° Mamely, manisy, mikapoka, mamono, mandona, mahavoa. Il le frappa avec la main. *Namely, nanisy* tahamaina azy izy. Il le frappa avec la canne. *Namely, nikapoka* azy tamy ny tehina izy. Il le frappa d'un coup de couteau. *Namely* azy tamy ny antsipika izy. Pourquoi le frappez-vous? Ahoana no *amonoanao* azy? La foudre frappa le clocher. Ny varatra *namely* ny tranondakolosy. Le publicain frappait sa poitrine. *Nandon*-tratra ny poblikana. Une balle le frappa. Nisy bala nanakiray *nahavoa* azy. 2°—, Manamarika. — une médaille. *Manamarika* medaly. 3° *fig*. Mamely, mikapoka, mahavoa, mahatratra, mahafaty, mamono. La mort frappe les bons et les méchants Ny fahafatesana *mamely* ny tsara fanahy sy ny ratsy fanahy. Dieu l'a frappé en lui enlevant son enfant. Andriamanitra *namely, nikapoka* azy tamy ny nahafatesan'ny zanany. L'ange exterminateur frappa tous les premiers-nés. Ny anjely mpandringana *nahafaty, namono* ny lahimatoa rehetra. 4°—, Mahagaga, mahabe ahiahy. Son discours m'a frappé. *Nahagaga* ahy ny laha teniny. Cette mort a frappé son imagination. Izany fahafatesana izany *nahabe ahiahy* azy.

—, *vn*. Mamely, mikapoka, mively, mandona, mahavoa. — fort. *Mamely, mikapoka* mafy. — sur l'enclume. *Mively* riandriana. — à la porte. *Mandondom*-baravarana. En quel endroit la balle a-t-elle frappé? Aiza no *voan'* ny bala?

Se frapper, *vpr*. 1° Mamely tena, mikape-tena, midona. Se—avec une disci-

pline. *Mamely tena, mikapo-tena* amy ny kotopia. Se — contre le mur. *Midona* amy ny rindrina. 2°—, Mifamely, mifampikapoka, mifamono. 3° *fig.* Be ahiahy.

FRAPPEUR, EUSE, *s.* Mpamely, mpikapoka.

FRATERNEL, ELLE, *adj.* Any ny mpirahalahy, hoatra ny mpirahalahy, momba ny namana Il y a entre eux une amitié fraternelle. Mifankatia *hoatra ny mpirahalahy* izy ireo. Charité fraternelle. Fitiava-*namana*.

FRATERNELLEMENT, *adv.* Hoatra ny mpirahalahy.

FRATERNISER, *vn.* Mihavana.

FRATERNITÉ, *sf.* 1° Firahalahiana. 2°—, Fihavanana.

FRATRICIDE, *sm.* 1° Mpamono ny iray tampó. 2°—, Famonoana ny iray tampó.

FRAUDE, *sf.* 1° Fanambakana, fitaka, famonoana antoka. Faire une —. *Manambaka, mamitaka.* Faire un contrat en — de ses créanciers. Manao fanekena *mamono antoka* ny tompon-trosa. 2°—, Fitaka atao amy ny ladoany, fampidirana entana tsy hitan' ny ladoany. Il fait la —. *Mamitaka ny ladoany* izy.

En fraude, *loc. adv.* Am-pitaka.

FRAUDER, *va.* 1° Manambaka, mamitaka, mamono antoka. Il a fraudé ses créanciers. *Nanambaka*, etc., ny tompon-trosa izy. 2°—, Mamitaka amy ny ladoany, mampiditra entana tsy hitan'ny ladoany.

FRAUDEUR, EUSE, *s.* Mpamitaka ny ladoany.

FRAUDULEUSEMENT, *adv,* Ampitaka.

FRAUDULEUX, EUSE, *adj.* 1° Atao am-pitaka. Banqueroute frauduleuse. Bankoroty *natao am-pitaka.* 2°—, Manambaka, mamitaka. C'est un esprit—. Olona *mpanambaka, mpamitaka* izy.

FRAYÉ, ÉE, *adj.* Masaka. Chemin—. Lála-*masaka.*

FRAYER, *va.* 1° Misava lálana. 2°—, Mitarika. Les anciens nous ont frayé la route. *Nitari*-dálana antsika ny ntaolo.

—, *vn.* Mifankazatra. Ces deux hommes ne frayent pas ensemble. Tsy *mifankazatra* izy roa lahy.

Se frayer, *vpr.* Manavatsava. Il se fraya un passage dans le fourré. *Nanavatsava* tao anatin' ny zava-maniry milobolobo izy.

FRAYEUR, *sf.* Tahotra, vadi-po. Comme Effroi.

FREDAINE, *sf.* Hadalana. Faire des fredaines. Mampiseho *hadalana.*

FREDONNEMENT, *sm.* Hira mimonomonona.

FREDONNER, *vn.* Mihira mimonomonona.

—, *va.* Mikalokalo.

FRÉGATE, *sf.* Karazan-tsambo mpiady.

FREIN, *sm.* 1° Vy sakam-bavan-tsoavaly. Ronger son —. Manaikitra ny *vy sakam-bavany.* 2° *fig.* Fisakanana, fetra. Les lois sont des freins qui empêchent de mal faire. Ny lalána no *misakana* mba tsy hanao ratsy. Sa passion ne connaissait plus de —. Tsy nahalala *fetra* intsony ny filany.

FRELATAGE, *sm.* ou **FRELATERIE,** *sf.* Fanaovana zavatra fisotro ankosoka.

FRELATER, *va.* Manao zavatra fisotro ankosoka. — du vin. *Manao* divay *ankosoka.*

FRELATEUR, *sm.* Mpanao zavatra fisotro ankosoka.

FRÊLE, *adj.* 1° Mora vaky, mora rava, mora tapaka, malia, marefo, makiana. Une — barque. Lakana *mora vaky.* Un —édifice. Trano *mora rava.* Un — roseau. Volotara *mora tapaka, malia, marefo, makiana.* 2° *fig.* Malemilemy, tsy be loatra. Il est encore —. Mbola *malemilemy* ny tenany. C'est un — appui que le sien. *Tsy* azo iankinana *loatra* izy.

FRELON, *sm.* Takolapanenitra lehibe.

FRELUQUET, *sm.* Olona maivan-doha, — tanora fanahy.

FRÉMIR, *vn.* 1° Mangovitra, mihoron-koditra. Ce récit fait—. *Mampangovitra, mampihoron-koditra* izany tantara izany. Il frémissait de colère. *Nangovitra* noho ny hatezerany izy. 2°—, Mipararetra, mangorovitsika. Les cordes du violon frémissent. *Mipararetra* ny tadin-dokanga. L'eau ne bout pas encore, elle ne fait que—. Tsy mbola mangotraka ny rano, fa vao *mangorovitsika* fotsiny. 3°—, Mimonomonona, mizozozozo, mirohondrohona. La cloche frémit encore. Mbola *mimonomonona* ny lakolosy. Le vent frémit dans le feuillage. *Mizozozozo* ny rivot a ao amy ny ravin-kazo. Les vagues frémissent autour du vaisseau. *Mirohondrohona* manodidina ny sambo ny onjandrano.



FRÉMISSANT, ANTE, *adj.* 1° Mangovitra, mihoron-koditra. 2°—, Mimonomonona, mizozozozo, mirohondrohona.

FRÉMISSEMENT, *sm.* 1° Fangovitana, fihoron-koditra. 2°—, Fipararetra, fangorovitsika. 3°—. Fimonomonona, fizozozozo, firohondrohona.

FRÉNÉSIE, *sf.* 1° Haromotana. Il a une accès de —. Mihetsika ny *haromotany.* 2° *fig.* Hadalana, fahaverezan-tsaina. Amour qui va jusqu'à la —. Fitiavana *mahadala, maharery saina.*

FRÉNÉTIQUE, *adj.* et *s.* Romotra.

FRÉQUEMMENT, *adv.* Matetika, mazána. Il y va —. Mankany *matetika, mazána* mankany izy.

FRÉQUENCE, *sf* Hatetika.

FRÉQUENT, ENTE, *adj.* Matetika, mazána Il lui rend de fréquentes visites. *Matetika,* etc , mamangy azy izy.

FRÉQUENTATIF, IVE, *adj.* et *sm.* (Teny) milaza ny hatetika Clignoter est le — de cligner Mipipý *milaza ny hatetiky* ny mipý.

FRÉQUENTATION, *sf.* 1° Fiarahana matetika, fifankazarana. Les mauvaises fréquentations l'ont gâté. Simban'ny *fifankazarana* tamy ny ratsy fanahy izy. 2°—. Fandraisana matetika.

FRÉQUENTÉ, ÉE, *adj.* Be olona mandrakariva. C'est un marché —. *Be olona mandrakariva* izany tsena izany.

FRÉQUENTER, *va.* 1° Miaraka matetitika, mankany matetika. Il fréquente les gens de bien *Miaraka matetika* amy ny tsara fanahy izy Il fréquente les églises. *Mankany* amy ny trano leglizy *matetika* izy. 2°—, Mandray matetika Il fréquente les sacrements. *Mandray matetika* ny sakramenta izy.

Se fréquenter, *vpr.* Miaraka matetika, mifankazatra.

FRÈRE, *sm* 1° Rahalahy, anadahy, mirahalahy, mianadahy. Il n'a qu'un—. Iray monja ny *rahalahiny, mirahalahy* mon ja izy. Elle a deux frères. Roa no *anadahiny.* Ils sont trois frères. Telo *mirahalahy* izy. Ils sont sept frères ou sœurs. Fito *mianadahy* izy ireo. — de mère. *Mirahalahy* iray tampó. — de père. *Mirahalahy* iray ray. ‖ *loc.* — de lait. Miolonono. Être frères par le serment du sang. Fati-dra. Se faire frères par le serment du sang. Mifamati-dra. 2°—, Mpihavana, namana, havana, mpirahalahy, mpianadahy. Tous les hommes sont frères en Adam. *Mpihavana* avokoa ny olona rehetra aminy Adama. Il faut avoir pitié des pauvres, ce sont nos frères. Tokony hiantra ny mahantra satria *namana ika* izy ireo. Mes chers frères. Ry *hava*-malala. Tous les chrétiens sont frères en Jésus-Christ. *Mpirahalahy* sy *mpianadahy* avy ny kristiana rehetra eo aminy Jeso-Kristy.

FRET, *sm.* 1° Fanofan-tsambo, hofantsambo. Prendre un navire à —. *Manofa* sambo. Quel est le prix du — de ce navire? Hoatrinona no *hofan'* io sambo io? 2°—, Karaman-tsambo. J'ai payé le — de mes marchandises. Efa naloako ny *karaman-tsambo* amy ny entako. 3°—. Entana ao an-tsambo. Le capitaine a débarqué son —. Ny kapiteny nampakatra teny an-tanety ny *entany tao an-tsambo.*

FRÉTER, *va.* 1° Mampanofa sambo. 2°—, Manoman-tsambo.

FRÉTEUR, *sm.* Mpampanofa sambo.

FRÉTILLANT, ANTE, *adj.* Mitsipelipelika, mipelipelika. Un poisson —. Hazandrano *mitsipelipelika.*

FRÉTILLEMENT, *sm.* Fitsipelipelika, fipelipelika.

FRÉTILLER, *vn.* Mitsipelipelika, mipelipelika. Le chien frétille de la queue. *Mitsipelipeli*-drambo ny amboa. Cet enfant frétille sans cesse. *Mipelipeli*-dava ity zaza ity.

FRETIN, *sm.* 1° Hazandrano madinika. 2° *fig.* Zavatra tsinontsinona.

FRIABLE, *adj.* Mora montsamontsanina, mora torotoroina. Le sel est—. *Mora montsamontsanina,* etc., ny sira.

FRIAND, ANDE, *adj.* et *s.* 1° Tia hanim-py, mahalala dian-kanina. Les Italiens sont friands. *Tia hanim-py,* etc., ny Italiana. 2°—, Fy. Mets —. Hanim-*py.* 3° *fig.* Tia loatra. Il est — de nouveautés. *Tia* lamody vaovao *loatra* izy.

FRIANDISE, *sf.* 1° Fitiavan-kanim-py. 2°—, *pl.* Zava-mamy. Cet enfant aime trop les friandises. Tia *zava-mamy* loatra io zazalahy io.

FRICASSÉE, *sf.* Teti-kena masaka.

FRICASSER, *va.* Mahandro teti-kena.

FRICHE, *sf.* Tany foana, tany lava volo, tany vao. Laisser une terre en —. Mamela tany ho *tany vao.*

FRICOT, *sm.* Hena tsara nahandro misy lasaosy.

FRICTION, *sf.* Fanorana.

FRICTIONNER, *va.* Manotra.
Se frictionner, *vpr.* Manotra tena.
FRIGORIFIQUE, *adj.* Mampangatsiaka.
FRILEUX, EUSE, *adj.* Sarotin-katsiaka, saro-katsiaka.
FRIMAS, *sm.* Fanala. Arbre couvert de —. Hazo tototry ny *fanala*.
FRIME, *sf.* Fodiana....., fialana safay. Il n'en a fait que la—. *Nody* nanao, *niala safay* fotsiny izy.
FRINGANT, ANTE, *adj.* Mijefijefy, mijilajila, mipelipelika, mitrafantrafana. Il a épousé une femme fringante. Naka vady vehivavy *mijefije'y, mijilajila, mipelipelika* izy. Cheval —. Soavaly *mipelipelika, mitrafantrafana*.
FRIPÉ, ÉE, *adj.* Tonta. rovitra, tranainy. Habit—. Akanjo *tonta*, etc. Meuble —. Fanaka *tranainy*.
FRIPER, *va.* Mandrovitra. Il fripe vite ses habits. *Roviny* haingana ny akanjony.
Se friper, *vpr.* Rovitina.
FRIPERIE, *sf.* 1° Lon-damba. fanaka tranainy. 2°—, Fivarotana na trano fivarotana lon-damba,—fanaka tranainy.
FRIPIER, IÈRE, *s.* Mpivarotra londamba, —fanaka tranainy.
FRIPON, ONNE, *s.* 1° Mpangalatra ankafatsena, mpifetsy. 2°—. Karilahy. Cet enfant est un petit—. *Karilahy* io zaza kely io.
FRIPONNER, *va.* Mangalatra an-kafetsena, mifetsy.
FRIPONNERIE, *sf.* Fangalarana ankafetsena, fifetsena. Il a fait une—. *Nangalatra an-kafetsena, nifetsy* izy.
FRIRE, *va.* Manendy. — des œufs. *Manendy* atody.
—, *vn.* Endasina.
Se frire, *vpr.* Endasina.
FRISÉ, ÉE, *adj.* Miolikolika, oly, mikarainkona, masombika. Cheveux frisés Volon-doha *miolikolika. oly.* Ce chien a le poil—. *Miolikolika* ny volon'io alika io. Choux frisés. Laisoa *mikarainkondrainkona. masombika*.
—, *sm.* Fiolikolika, fikarainkona.
FRISER, *va.* 1° Mampiolikolika.— ses cheveux. *Mampiolikolika* ny volondohany. 2° *fig.* Mikasika kely foana. misafosafo. L'hirondelle frise l'eau. Ny sidintsidina *mikasika kely foana*, etc., ny rano. 3°—, Efa ho... Il frise la soixantaine. *Efa ho* enim-polo taona izy.
—, *vn.* Miolikolika, oly. Ses cheveux frisent naturellement. *Oly* no toetry ny volon-dohany.
Se friser, *vpr.* 1° Miolikolika. 2°—, Mampiolikolika ny volon-dohany.
FRISSON, *sm.* 1° Hari-koditra. 2° *fig.* Fihoron-koditra, fangovitana. Cela donne le—. *Mampihoron-koditra, mampangovitra* izany.
FRISSONNEMENT, *sm.* Comme Frisson.
FRISSONNER, *vn.* 1° Mari-koditra. 2° *fig.* Mihoron-koditra, mangovitra. 3°—, Mipararetra. Les feuilles frissonnent. *Mipararetra* ny ravin-kazo.
FRISURE, *sf.* Fiolikolika.
FRIT, ITE, *p.* et *adj.* 1° Voaendy, nendasina, mendy. Poisson —. Hazandrano *voaendy*, etc. 2° *fig.* Lany harena.
FRITURE, *sf.* 1° Fanendasana. 2° —, Hazandrano mendy.
FRIVOLE, *adj.* Foana, tsinontsinona, tsy misy antony, maivan-doha. Ce sont des excuses frivoles. Fialan-tsiny *foana, tsinontsinona, tsy misy antony* izany. C'est une tête—. *Maivan-doha* izy.
FRIVOLITÉ, *sf.* 1° Hafoanana, hatsinontsinona. 2°—, *pl.* Zava-poana. zavatra tsinontsinona, antsanga tsy aman' orana. Il ne parle que de frivolités. Tsy milaza afa-tsy *zava-poana*, etc., izy.
FROC, *sm.* Akanjon-urel.jiozy.
FROID, *sm.* 1° Hatsiaka, fangatsiaka, famanala, hanara, famirifiry. Le—de l'eau. Ny *hatsiaka*, ny *fangatsiaka*, ny *famanalan'* ny rano. Il est transi de—. Ngoli ny *hatsiaka* izy. J'ai—. *Mangatsiaka, manara* aho. Il fait—. *Mangatsiaka, mamanala, mamirifiry* ny andro. 2° *fig.* Hamaly fo, tsy fihontsina,fe, tsy firehirehitra. Il est d'un—glacial. *Mafy fo, tsy mihontsina* izy. Il repondit avec son—ordinaire Namaly *fe* namaly araka ny fanaony izy. Il y a un peu de —dans son discours. *Tsy mirehidrehitra* loatra ny laha-teniny. 3°—, Tsy fifanarahana. Il y a du—entre eux. *Tsy mifanaraka* izy ireo.
FROID, OIDE, *adj.* 1° Mangatsiaka, mamanala, antara, mamirifiry. Il a les mains froides. *Mangatsiaka, mamanala* ny tànany. Le cadavre est—. *Mangatsiaka, antara* ny faty. Le temps est —. *Mangatsiaka, mamanala, mamirifiry* ny andro. Cet habit est—. *Mangatsiaka, mamanala* io akanjo io. Le riz est—. *Mangatsiaka, antara* ny vary. 2° *fig.* Mafy fo, tsy mihontsina, fe, tsiri-

nitra, tsy mafana fo, tsy misy hafanam-po, tsy mirehidrehitra, mangatsia-po. Je l'ai trouvé — là-dessus. Efa hitako fa *mafy fo, tsy nihontsina* tamin'izany izy. Il lui fit un accueil —. Noraisiny *fe* noraisiny izy, nandray *tsivinitra* azy izy. Ami —. Sakaiza *fe* sakaiza. C'est un orateur —. Mpandaha-teny tsy *mafana fo* izy. Style —. Laha-teny *tsy misy hafanam-po, tsy mirehidrehitra.* J'ai le cœur — dans mes prières. *Mangatsia-po* aho raha mivavaka.

À froid, *loc. adv.* Mangatsiaka, manta. Battre un fer à —. Mivoly vy *mangatsiaka.* manao tefy *manta.*

FROIDEMENT, *adv.* 1° Mangatsiaka. Vous êtes logé—. *Mangatsiaka* ny tranonao. 2° *fig.* Tsy nihontsina, fe, tsivinitra. Il écouta — leurs injures *Tsy nihontsina* tamy ny fanaratsiana nataon'izy ireo izy. Il m'a répondu—. Namaly ahy *fe* namaly izy. novaliany *tsivinitra* aho.

FROIDEUR, *sf.* 1° Hatsiaka, fangatsiaka. La — de l'eau, du temps. Ny *hatsiaka,* ny *fangatsiaky* ny rano, ny andro. 2° *fig.* Hamafy fo, tsy fihontsina, fe, tsivinitra, tsy firehidrehitra, fangatsiaham-po. 3°—, Tsy fifanarahana.

FROIDIR, *vn.* Mihamangatsiaka, mangatsiaka. Votre bouillon froidit. *Mangatsiaka* ny ronao.

FROIDURE, *sf.* Hatsiaka, fangatsiaka.

FROISSEMENT, *sm.* 1° Fanamanganana. 2°—. Famozafozana, famiravirana, fomoriporetana. 3° *fig.* Fahasosorana, fanoherana.

FROISSER, *va.* 1° Manamangana. La voiture l'a pressé contre le mur et l'a tout froissé. Noteren' ny kalesy tamy ny rindrina izy ka *mangana* tery. 2°—, Mamozafoza, mamiravira, mamoriporitra. —du papier. *Mamozafoza.* etc., taratasy. 3° *fig.* Mahasosotra, manohitra. Il m'a froissé. *Nahasosotra* ahy izy Il a froissé mes opinions. *Nanohitra* ny hevitro izy.

Se froisser, *vpr.* 1° Mangana. 2° *fig.* Sosotra.

FROISSURE, *sf.* 1° Hamangana. 2°—, Ny voafozafoza, ny voaviravira, ny voaporiporitra.

FRÔLEMENT, *sm.* Fikasihana kely foana.

FRÔLER, *va.* Mikasika kely foana. La balle lui frôla les cheveux. Ny bala *nikasika kely foana* ny volon-dohany.

FROMAGE, *sm.* Fromazy.

FROMENT, *sm.* Karazam-barim-bazaha tsara indrindra.

FRONCEMENT, *sm.* Fiketrona.

FRONCER, *va.* 1°. Mampiketrona. — les sourcils. *Mampiketrona* handrina. 2°—, Manaketrona. — une jupe. *Manaketrona* zipo.

Se froncer, *vpr.* Miketrona.

FRONDE, *sf.* Antsamotady.

FRONDER, *va.* 1° Mandefa amy ny antsamotady. — une pierre. *Mandefa* vato *amy ny antsamotady.* 2° *fig.* Maniny. —la conduite de quelqu'un. *Maniny* ny fitondran-tenan' olona.

FRONDEUR, *sm.* 1° Mpandefa amy ny antsamotady. 2° *fig.* Mpaniniitsiny.

FRONT, *sm.* 1° Handrina. Il a un — large. Be *handrina* izy. ‖ *loc.* Courber le —. Miondrika. Lever le —. Miandranandrana. 2°—, Tarehy. La jeunesse au — riant. Ny tanora miramiran-*tarehy.* 3° *fig.* Hasahiana. Il a bien du —. *Sahy* loatra izy. 4°—, Vava ady, anoloana, anatrehana. L'armée étendit son —. Nitatra ny *va a ady.* Le — d'un bâtiment. Ny *anoloana,* ny *anatrehan'* ny trano.

De front, *loc. adv.* 1° Amy ny vava ady. ‖ *loc.* Attaquer l'ennemi de —. Manohatra ny fahavalo. 2° —, Anindrana. Marcher de —. *Mifanindrana.* 3° *fig.* Mafy. Heurter de — les préjugés. Manohitra *mafy* ny hevi-diso. 4° —, Indray miaraka. Mener deux affaires de—. Manao raharaha roa *indray miaraka.*

FRONTAL, ALE, *adj.* Amy ny handrina. Os —. Taolan-*handrina.*

FRONTIÈRE, *sf.* Sisin-tany, vava tany. La —est bien défendue. Voaro tsara ny *sisin-tany,* etc.

—, *adj.* Ao amy ny sisin-tany. Ville —. Tanàna *ao amy ny sisin-tany.*

FRONTISPICE, *sm.* 1° Anoloana, anatrehana. Le — d'une église. Ny *anoloana,* etc., ny trano leglizy. 2°—, Anarambokyamy ny pejy voalohany. Le — d'un livre. Ny *anaram-boky amy ny pejy voalohany.*

FROTTAGE, *sm.* Famaohana, fanosorana savoka, fiborosiana ngorodona.

FROTTÉ, ÉE, *p.* 1° Voakasoka, nokasohina, voadilotra, nodilorina, voafaoka, nofaohana, voasafosafo, nosafosafoina. 2°—, Voahosotra, nohosorana, voaborosy, noborosina. 3° *fig.* Nasiana, voakapoka, nokapohina, voavono, novonoina. Les ennemis ont été frottés. *Nasiana* mafy ny fahavalo.

FROTTEMENT, *sm.* Fikasohana, fandilòrana, fifampikasohana, fifandilorana.

FROTTER, *va.* 1° Mikasoka, mandilotra, mamaoka, misafosafo. — un métal pour le polir. *Mikasoka, mandilotra* metaly mba handama azy. — les jambes d'un cheval. *Mamaoka* ny tongotry ny soavaly. — avec la main. *Misafosafo.* — le dos à quelqu'un. *Misafosafo* lamosin' olona. 2° —, Manosotra. miborosy On lui frotta le bras avec de l'huile. *Nohosorana* solika ny san Iriny. — un parquet avec de la cire. *Manoso-tsavoka, miborosy* ngorodona. 3° *fig.* Mamely, mikapoka, mamono, mandrosy. On l'a frotté comme il faut. *Nasiana, nokapohina, novonoina* mafy izy.

—, *vn.* Mikasoka, midilotra. La roue frotte contre la caisse de la voiture. *Mikasoka,* etc., amy ny vata ao amy ny kalesy ny kodiarana.

Se frotter, *vpr.* 1° Mamaoka tena, misafosafo tena, mihaotra. Se — contre un arbre. *Mihaotra* amy ny hazo. 2° —, Mifamaoka, mifampisafosafo. 3° —, Mihosotra. Il se frotte d'huile. *Mihoso*-tsolika izy. 4° *fig.* Mamely, mihaika. Se — à plus fort que soi. *Mamely,* etc., izay mahery noho ny tena.

FROTTEUR, *sm.* Mpamaoka, mpanoso-tsavoka, mpiborosy ngorodona.

FROTTOIR, *sm.* Famaohana, fanosoran-tsavoka.

FRUCTIFICATION, *sf.* Famoazana.

FRUCTIFIER, *vn.* 1° Mamoa, mahavokatra. 2° *fig.* Mahavokatra, mahasoa. Vos avis ont bien fructifié. *Nahavokatra, nahasoa* loatra ny anatrao. 3° —, Mampiasa. Faire — son argent. *Mampiasa* ny volany.

FRUCTUEUSEMENT, *adv.* Amim-pahavokarana.

FRUCTUEUX, EUSE, *adj.* Mahavokatra, mahasoa, mampahazo vola. Emploi —. Raharaha *mampahazo vola.*

FRUGAL, ALE, *adj.* Manao fihinanana tsotsotra, tsotsotra. Il est très —. *Manao fihinanana tsotsotra* izy. Repas —. Fihinanana *tsotsotra.*

FRUGALEMENT, *adv.* Tsotsotra.

FRUGALITÉ, *sf.* Fihinanana tsotsotra.

FRUGIVORE, *adj.* Mpihinam-boankazo. Animaux frugivores. Biby *mpihinam-boankazo.*

FRUIT, *sm.* 1° Voankazo, voa. — mûr. *Voankazo* masaka. — vert. *Voankazo* manta. Produire des fruits. *Mamoa.* Arbre qui produit de bons fruits. Hazo mamoa *voa* tsara. 2° —, *pl.* Vokatra. On fait des prières à Dieu pour la conservation des fruits de la terre. Andriamanitra no angatahana mba hiaro ny *vokatry* ny tany. 3° *fig.* Vokatra, soa. Voilà le — de ses travaux. Izany no *vokatry* ny asany. Cet écolier a tiré un grand — de ses études. Io mpianatra io nahazo *vokatra, soa* lehibe tamy ny fianarany.

Avec fruit, *loc. adv.* Amim-pahavokarana.

FRUITIER, IÈRE, *s.* Mpivarotra voankazo.

—, *adj.* Mamoa. Arbre —. Hazo *mamoa.*

FRUSTRER, *va.* Mamono antoka, manafoana. Il a frustré ses créanciers. *Namono antoka* ny manan-trosa aminy izy. On l'a frustré de son salaire. *Nofoanana* ny karamany. Il est frustré dans ses espérances. *Foana* ny fanantenany, diso fanantenana izy.

FUGITIF, IVE, *adj.* et *s.* 1° Nandositra, nilefa. Prisonnier —. Gadralava *nandositra.* Esclave —. Andevo *nandositra,* etc. 2° *fig.* Mihelina, mandalo. Ombre —. Aloka *mihelina.* Bonheur —. Hasambarana *mihelina,* etc.

FUIR, *vn.* 1° Mandositra, milefa, miriatra, mirifatra, miridana. Les ennemis fuient. *Mandositra, miriatra, mirifatra, miridana* ny fahavalo. Comme S'ENFUIR. 2° *fig.* Mihelina, mandalo, mandalo haingana. Le temps fuit. *Mihelina, mandalo* ny andro. Les nuages fuient. *Mandalo haingana* ny rahona. 3° —, Mivoaka, manary rano. Le vin fuit du tonneau. *Mivoaka* amy ny barika ny divay. Le tonneau fuit. *Manary rano* ny barika.

—, *va.* Mandositra. Tout le monde fuit cet homme. *Mandositra* an'io lehilahy io ny olona rehetra.

Se fuir, *vpr.* Manao izay tsy hihaonana.

FUITE, *sf.* 1° Fandosirana, lositra, filefasana. Prendre la —. *Mandositra, milefa.* 2° —, Fivoaka. Il y a là une — de gaz. Ao misy gazy *mivoaka.* 3° *fig.* Fandosirana. La — du vice. Ny *fandosirana* ny haratsiam-panahy.

FULMINANT, ANTE, *adj.* 1° Mipoaka. Poudre fulminante. Vanja *mipoaka.* 2° *fig.* Lancer un regard —. Mivandravandra.

FULMINATION, *sf.* 1° Fipoahana. 2° —, Famoahana.

FULMINER, *vn.* 1° Mipoaka. 2° *fig.* Misafoaka.

—, *va.* Mamoaka ampahibemaso.—des bulles. *Mamoaka ampahibemaso* ny taratasy nampitondrain' ny papa.

FUMAGE, *sm.* Fanisiana zezika.

FUMANT, ANTE, *adj.* 1° Midonaka. Tisons fumants. Tapa-porohana *midonaka.* Cendres fumantes. Lavenona *midonaka.* 2°—, Manetona, midofaka. 3°*fig.* Il est—de colère. Misafoaka izy.

FUMÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Nomainina amy ny setroka. 2°—, Voafoka, nofohina. 3°—, Nasiana zezika, misy zezika.

FUMÉE, *sf.* 1° Setroka, fidonaka. Le bois vert fait beaucoup de—. Be *setroka, manetroka, midonaka* loatra ny kitay hazo lena. 2°—, Etona, fanetona, fidofaka. La—de la viande. Ny *etona*,etc., ny fofonkena. Il se leva une—de la rivière. *Nidofaka* ny renirano. 3° *fig.* Zava-poana. Tout n'est que—. *Zava-poana* ny zavatra rehetra. 4°—, *pl.* Les fumées du vin montent au cerveau. Mampanelonelo ny andoha, mampandrendrindrendrina, mampanjenjinjenjina ny divay.

FUMER, *vn.* 1° Manetroka, midonaka. Cette cheminée fume. *Manetroka* izany lafaoro izany. L'encens fume sur l'autel. *Midonaka* eny amy ny otely ny emboka. 2°—, Manetona, midofaka. Le riz fume encore. Mbola *manetona*, etc., ny vary. Les naseaux du cheval fument. *Midofaka* amy ny vava orony ny fofon' ain' ny soavaly. 3° *fig.* Tezitra.

—, *va.* 1° Manamaina amy ny setroka.—du poisson. *Manamaina* hazandrano *amy ny setroka.* 2°—, Mifoka —un cigare. *Mifoka* sigara. 3°—, Manisy zezika. —une rizière. *Manisy zezika* ny tanimbary.

Se fumer, *vpr.* 1° Mainina amy ny setroka. 2°—, Fohina. 3°—, Asiana zezika.

FUMET, *sm.* Fofona. Ce vin, cette perdrix a un bon—. Tsara *fofona* io divay io, io tsipoy io.

FUMEUR, *sm.* Mpifoka.

FUMEUX, EUSE, *adj.* Mampanelonelo ny andoha, mampandrendrindrendrina, mampanjenjinjenjina. Du vin—. Divay *mampanelonelo ny andoha,* etc.

FUMIER, *sm.* 1° Zezika, roka. —de bœuf. *Zezik'* omby, *roka.* —de chèvre. *Zezik'* osy. 2°—, Fanarian-jezika, fanarian-davenona. Allez jeter cela au —. Ndeha ario any amy ny *fanarian-jezika,* etc., izany. 3° *fig.* Zavatra tsinontsinona. Ce n'est que du —. *Zavatra tsinontsinona* izany.

FUMIGATION, *sf.* Fandonafana fofonjavatra, fandrarahana—.

FUMIGER, *va.* Mandonaka fofon-javatra, mandraraka—.

FUNAMBULE, *sm.* Mpandihy ambony mahazaka.

FUNÈBRE, *adj.* 1° Fanao amy ny fandevenana. Chant—. Hira *fanao amy ny fandevenana.* 2° *fig.* Mampalahelo, mahatsiravina. Cri — Fikiakiaka *mampalahelo, mahatsiravina.*

FUNÉRAILLES, *sf. pl.* Fandevenana, fanafenana, levenana, afana, tampi-masoandro. J'ai assisté aux — de mon ami. Namonjy ny *fandevenana* ny sakaizako aho. Les — du roi ont été pompeuses. Nahagaga ny *nanafenana* ny masina. Bœufs qu'on immole après les —. Omby vonoina atao *levenana, afana.* Bœufs qu'on immole après les — du souverain. Omby vonoina atao *tampimasoandro.*

FUNÉRAIRE, *adj.* Amy ny fandevenana. Les frais funéraires. Ny lany *amy ny fandevenana.*

FUNESTE, *adj.* Mampahita loza, mampidi-doza, mamohehatra. Comme Désastreux.

FUR, *sm.* Au — et à mesure. Isaka. Je vous enverrai vos marchandises au — et à mesure qu'elles arriveront. *Isaka* ny misy tonga ny varotrao dia hampitondraiko any aminao.

FURET, *sm.* 1° Biby mampivoaka ny bitro amy ny lavany, vontsira. 2° *fig.* Mpikarokaroka.

FURETER, *vn.* 1° Mihaza amy ny *furet.* 2° *fig.* Mikarokaroka. Qu'allez-vous — dans cette armoire? Inona no *karokarohinao* amin' io lalomoara io?

FURETEUR, EUSE, *s.* 1° Mpihaza amy ny *furet.* 2° *fig.* Mpikarokaroka.

FUREUR, *sf.* 1° Haromotana. Il est devenu fou, et de temps en temps il lui prend des accès de—. Tonga adala lefy izy, ary indraindray dia mihetsika ny *haromotany* 2°—, Fisamontitra, fisafoaka, fifoaka, fitroatra, ffoaha. 3°—, Hadalana. Il a la — de bâtir. *Adalan'* ny manao trano izy. 4°—, Hamaty, fisamboaravoara, fidedadeda, firehitra. La—de la tempête. Ny *hamafin'* ny tafio-drivotra. La—de la mer. Ny *fisamboaravoaran'* ny

onjan-dranomasina. La — des flammes. Ny *fidedadedan'* ny lelafo. Les fureurs de l'amour, de la guerre. Ny *firehitry* ny fitiavana, ny ady. ‖ *loc.* Fairo—. Malaza.

FURIBOND, ONDE, *adj.* 1° Misamontitra, misafoaka, mifoaka, mitroatra, mifoaba. 2°—. Mampiseho haromotana, mivandravandra, mivoaramena. Avoir des yeux furibonds. *Mivandravandra.* Avoir un visage —. *Mivoaramena* noho ny hatezerana.

FURIE, *sf.* 1° Fisamontitra, fisafoaka, fifoaka, fitroatra, fifoaba, haromotana. Entrer en —. *Misamontitra, misafoaka, mifoaka, mitroatra, mifoaba, romotra.* 2° —, Hamafy, fisamboaravoara, fidedadeda, herim-po mahagaga. I's combattirent avec —. Niady tamin-*herim-po mahagaga* izy ireo. 3° *fig.* Vehivavy masiaka.

FURIEUSEMENT, *adv.* Izaitsizy.

FURIEUX, EUSE, *adj* et *s.* 1° Romotra. 2°—, Misamontitra, mifoaka, mitroatra, mifoaba. 3°—, Mampiseho haromotana, mivandravandra, mivoaramena. Avoir des regards —. *Mivandravandra.* Avoir un air —. *Mivoaramena* noho ny hatezerana. 4° *fig.* Mafy, mafana, misamboaravoara, midedadeda, mirehitra. Combat —. Ady *mafy, mafana.* Vent—. Rivotra *mafy.* 5°—, Izaitsizy. Il fait une dépense furieuse. Mandany vola *izaitsizy* izy.

FURONCLE, *sm.* Vay.

FURTIF, IVE, *adj.* Mangingina, antsokosoko.

FURTIVEMENT, *adv.* Mangingina, an-tsokosoko. Comme A LA DÉROBÉE.

FUSEAU, *sm.* 1° Ampela. Tourner le —. Mampandihy *ampela.* 2°—, Taolana na hazo fanaovana dantely.

FUSÉE, *sf.* Kilalaom-banja misondrotra sy mipariaka rahefa lasa ambony.

FUSIBILITÉ, *sf.* Ny ahazoana miempo.

FUSIBLE, *adj.* Azo empoina. Le plomb est—. *Azo empoina* ny firaka.

FUSIL, *sm.* Basy.

FUSILIER, *sm.* Miaramila am-basy.

FUSILLADE, *sf.* Rere atao amy ny basy.

FUSILLER, *va.* Mitifitra olona. On l'a fusillé hier. *Nolofirina* izy omaly.

Se fusiller, *vpr.* Mifampitifitra.

FUSION, *sf.* 1° Fiempoana. 2° *fig.* Fikambanana.

FUSIONNER, *va.* Mampikambana.

—, *vn.* Mikambana.

Se fusionner, *vpr.* Mikambana.

FUSTIGATION, *sf.* Fikapohana amy ny karavasy, —kotopia, —rotsa-kazo.

FUSTIGER, *va.* Mikapoka amy ny karavasy, —kotopia, —rotsa-kazo.

Se fustiger, *vpr.* Mikapo-tena amy ny rotsa-kazo.

FÛT, *sm.* 1° Hazom-basy. 2°—, Barika. 3°—, Vatan'andry.

FUTAIE, *sf.* Ala be hazo vaventy. Arbre de haute—. Hazo *vaventy.*

FUTAILLE, *sf.* Barika.

FUTÉ, ÉE, *adj.* Fetsy, konjo, fiharatra, mamaky akotry.

FUTILE, *adj.* Foana, tsinontsinona, tsy misy antony.

FUTILITÉ, *sf.* 1° Hafoanana, hatsinontsinona. 2°—. Zava-poana, zavatra tsinontsinona. Comme FRIVOLITÉ.

FUTUR, URE, *adj.* Ho avy, any aoriana. La vie future. Ny fiainana *ho avy.* Les races futures. Ny taranaka *any aoriana.*

—, *s.* Ny ho vady.

FUYARD, ARDE, *adj.* et *s.* Mpandositra.

—, *sm.* Mpiamboho lebilahy.

G

GABIER, *sm.* Mpitandrina ny momba ny salazan-tsambo.

GÂCHE, *sf.* Fidiran' ny hidim-baravarana.

GÂCHER, *va.* 1° Manakobana. —du mortier. *Manakobana* sokay. 2° *fig.* Manaonao foana.

GÂCHETTE, *sf.* 1° Fanoitram-basy. 2°—, Fanoitra amy ny hidim-baravarana.

GÂCHEUR, *sm* 1° Mpanakobana sokay. 2° *fig.* Mpanaonao foana.

GÂCHEUX, EUSE, *adj.* Be fotaka. Chemin —. Lálana *be fotaka.*

GÂCHIS, *sm.* 1° Fotaka. 2° *fig.* Raharaha misafotofoto.

GAFFE, *sf* Tehin-dakana misy farangovy.

GAGE, *sm.* 1° Antoka, fampitanana, zavatra apetraka. Donner sa montre en —. Manome ny famantaranandrony ho *antoka, fampitanana, mametraka* ny famantaranandrony. 2° —. Loka. Rendre les gages. Mamerina *loka.* 3° *fig.* Vavolombelona. Voici un — de mon amitié. Indro ny *varolombelon'* ny fitiavako. 4° —. *pl.* Karama. Se mettre aux — de quelqu'un *Mikarama* amin'olona. Prendre quelqu'un à — *Manakarama* olona.

GAGER, *va.* 1° Miloka. Je gagerais cent francs que cela n'est pas. *Hiloka* ariary roapolo aho fa tsy marina izany. 2° —. Manakarama.

GAGEUR, EUSE, *s.* Mpiloka.

GAGEURE, *sf.* 1° Filokana. Je fais une — contre vous. *Miloka* aminao aho. 2° —, Loka J'ai gagné la —. Nahazo *loka* aho.

GAGNANT, ANTE, *s.* Mpahazo loka, mpahafaty loka. Vous êtes le —. Hianao no *nahazo loka, nahafaty loka.*

GAGNE-PAIN, *sm.* Fivelomana. Le rabot d'un menuisier est son —. Ny vankona no *ivelomon'* ny mpandrafitra.

GAGNE-PETIT, *sm.* Mpanasa antsy mandehandeha.

GAGNÉ, ÉE, *p.* 1° Azo. 2° —, Maty, resy, noresena. 3° —, Voasisika, nosisihana. sisihana.

GAGNER, *va.* 1° Mahazo, mahafaty, tonga J'ai gagné dix francs. *Nahazo* ariary roa aho. Il a gagné à la loterie *Nahazo* tamy ny lotery izy. Il a gagné dix francs aux cartes *Nahazo, nahafaty* ariary roa tamy ny karatra izy Il gagne honnêtement sa vie. *Mahazo* fivelomana araka ny rariny izy. Il a gagné l'affection de tous. *Nahazo* fitia tamy ny olona rehetra izy. J'y ai gagné un bon rhume. *Nahazo* sery mafy tamin'izany aho. Nous gagnâmes la haute mer. *Nahazo* ny ampovoan'ny ranomasina izahay. Il a déjà gagné la frontière. *Tonga* ao amy ny sisin-tany sahady izy. Le feu gagnait déjà la maison voisine. *Nahazo* ny trano akaiky sahady ny afo. La peur le gagne. *Azon'* ny tahotra izy. On ne gagne rien à le voir. Tsy *mampahazo* inona ny mahita azy. — du temps. *Mahazo* andro. 2° —, Maharesy, mahery. Il gagna la bataille *Naharesy, nahery* tamy ny ady izy. 3° —, Manisika. Il a gagné ses juges. *Voasisiny* ny mpitsara azy.

Se gagner, *vpr.* Azo.

GAGNEUR, *sm.* Mpahazo, mpahafaty.

GAI, GAIE, *adj.* Mariadriaka, sariadriaka, falifaly, ravoravo, miramirana. Avoir le visage —. *Miramiran*-tarehy.

GAIEMENT, *adv.* Amin-kafaliana, amin-karavoana.

GAIETÉ ou **GAÎTÉ**, *sf.* Firiadriaka, fisariadriaka, hafaliana, haravoravoana, hamiramiranana.

De gaîté de cœur, *loc. adv.* Fanahy iniana, an-tsitra-po.

GAILLARD, ARDE, *adj.* 1° Mariadriaka, sariadriaka, falifaly, ravoravo, miramirana. Comme GAI 2° —, Mavitrika. Le voilà tout à fait —. Indro fa *mavitrika* tsara izy. 3° —, Tsy mety, sahy. Dire des choses gaillardes. Milaza zavatra *tsy mety.*

—, *sm.* Olona mavitrika, —sahy.

—, *sf.* Vehivavy pilaka.

GAILLARD, *sm.* Loha sambo, vody sambo. —d'avant. *Loha sambo.* —d'arrière. *Vody sambo.*

GAILLARDEMENT, *adv.* 1° Aminkafaliana, amin-karavoana. 2° —, Aminkasahiana. Il lui a répliqué —. Namaly azy *tamin-kasahiana* izy.

GAILLARDISE, *sf.* 1° Hafaliana, haravoana. 2° —, *pl.* Resaka tsy mety. Dire des gaillardises. Manao *resaka tsy mety.*

GAIN, *sm.* 1° Ny azo. tombony. Le — du jeu. *Ny azo* amy ny loka. Il a fait un — de dix milles francs sur cette marchandise. Nahazo *tombony* ariary roa arivo tamin'izany varotra izany izy. 2° —, Fahazoana, ahafatesana. Cela lui a donné le—de la partie Izany no *nampahazo* loka azy. Cela lui a donné le—de la bataille. Izany no *nampandresy,* nampahery azy tamy ny ady.

GAÎNE, *sf.* Trano. La — d'un poignard. *Ny tranon*-defom-pohy.

GALA, *sm.* Fihinanam-be.

GALANT, ANTE, *adj.* 1° Mahay miaina. C'est un — homme. Olona *mahay miaina* izy. 2° —,Manaja, manompotompo, mila sitraka. Il s'est montré fort—envers elle. *Nanaja, nanompotompo* azy loatra, *nila sitraka* taminy loatra izy.

—, *sm.* Mpila sitraka.

GALANTERIE, *sf.* 1° Fahaizana miaina. 2°—, Fanajana, fanompotompoana, filan-tsitraka.
GALE, *sf.* Hatina.
GALÈRE *sf.* 1° Sambo mpiady taloha. 2° —, *pl.* Sambo nitoeran' ny gadralava taloha. Il fut condamné aux galères pour vingt ans. Nohelohina ho *gadralava* roapolo taona izy. 3° *fig.* C'est une—. Be fahoriana aty.
GALERIE, *sf.* 1° Efi-trano lava. 2°—, Lálana malalaka anatin' ny trano. 3°—, Rihan-tapaka amy ny teatra, rihan-tapaka manodidina ao amy ny trano leglizy. 4° *fig.* Ny mpijery. La—ne lui est pas favorable. Tsy ankasitrahan' ny *mpijery* azy izy.
GALÉRIEN, *sm.* Gadralava.
GALET, *sm.* Vato kilonjy.
GALETAS, *sm.* Rihana ambony indrindra.
GALETTE, *sf.* Mofo mamy fisaka.
GALEUX, EUSE, *adj.* et *s.* Hatenina, kongonina, boka. Enfant—. Zaza *hatenina, kongonina.* Chien—. Alika *kongonina.* Brebis galeuse. Ondry *boka*; *fig.* olona ratsy fanahy.
GALIMATIAS, *sm.* Laha-teny misafotofoto, laha-teny miboredidredika.
GALLICISME, *sm.* Fombam-pitenenana frantsay
GALLINACÉS, *sm. pl.* Ny vorona rehetra iray karazana amy ny akoho.
GALOCHE, *sf.* 1° Kiraro faladia hazo. 2°— Kiraro fanao ivelany raha merika andro.
GALON, *sm.* Galona.
GALONNÉ, ÉE, *adj.* Misy galona. Habit —. Akanjo *misy galona.*
GALONNER, *va.* Manisy galona.
GALOP, *sm.* 1° Firiotra, fimaona. Mettre un cheval au—. *Mampiriotra, mampimaona* soavaly. 2° *fig.* Fandevilevena.
GALOPADE, *sf.* Firiotana, fimaonana.
GALOPANT, ANTE, *adj.* Mahafaty haingana. Phtisie galopante. Aretin-tratra *mahafaty haingana.*
GALOPER, *vn.* 1° Miriotra, mimaona. 2° —, Mivezivezy. Il a galopé toute la journée. *Nivezivezy* nandritra ny andro izy. 3°—, Mandeha haingana, miriotra. Comme vous galopez! on ne peut vous suivre. *Mandeha haingana, miriotra* loatra hianao izany, ka tsy azo arahina.
GALOPIN, *sm.* Zazalahy katritra.
GAMBADE, *sf.* Fiantsambotsambotra, fihinjakinjaka, fitsambikimbikina, fifalihavanja. Gambades des agneaux. *Fifalihavanjan'* ny zanak' ondry.
GAMBADER, *vn.* Miantsambotsambotra, mihinjakinjaka, mitsambikimbikina, mifalihavanja.
GAMELLE, *sf.* Gamela.
GAMIN, INE, *s.* Katritra, batritra.
GAMINERIE, *sf.* Fiangiangy.
GAMME, *sf.* Gamatra.
GANACHE, *sf.* 1° Valanoranon-tsoavaly. 2° *fig.* Adala be, donto saina.
GANGLION, *sm.* Tamboavoa.
GANGRÈNE, *sf.* 1° Fahalovana amy ny tery. 2° *fig.* Haratsiam-panahy.
GANGRENÉ, ÉE, *adj.* 1° Lo. 2° *fig.* Ratsy fanahy indrindra.
GANGRENER, *va.* Mahaló.
Se gangrener, *vpr.* Mihaló.
GANGRÉNEUX, EUSE, *adj.* Manahaka ny *gangrène.*
GANT, *sm.* 1° Ga. 2° *fig.* Être souple comme un —. Manaiky tsara, manaraka ambokony Jeter le —. Mihaika. Relever le —. Sahy ny haika.
GANTELET, *sm.* Ga vy, solon-tánana.
GANTER, *va.* Manisy ga.
Se ganter, *vpr.* Mampiditra ga amy ny tánany.
GANTERIE, *sf.* Fanaovana ga, trano fivarotana ga.
GANTIER, IÈRE, *adj.* et *s.* Mpanao ga, mpivarotra ga.
GARANT, ANTE, *s.* Mpiantoka. Vous rendez-vous — de cet homme, de cette dette? Moa *miantoka* io olona io, ny fandoavana izany vola izany va hianao? —, *sm.* Vavolombelona. Sa conduite passée est un sûr — de sa fidélité à l'avenir. Ny fitondran-tena nataony teo aloha no *varolombelona* fa ho azo itokiana izy amy ny ho avy.
GARANTIE, *sf.* 1° Antoka, fiantohana. Il m'a vendu cette montre avec— pour un an. *Niantohany* herintaona no fivarotra ity famantaranandro ity tamiko. 2°—, Fandoavana antoka. Il est tenu à la—. Tsy maintsy *haloany* ny *antoka.* 3°—, Vavolombelona. Vous promettez d'être sage, mais quelle—en aurais-je? Mametra-teny mba ho hendry hianao, fa inona anefa no *vavolombelona* hitokiako?
GARANTIR, *va.* 1° Miantoka. —un contrat. *Miantoka* fanekena. Je vous ga-

rantis qu'il ne fera pas cela. *Iantohako* fa tsy hanao izany izy. 2°—, Vavolombelona. 3°—, Miaro. Les paupières garantissent les yeux. Ny hodi-maso *miaro* ny maso.

Se garantir, *vpr*. Miaro tena.

GARÇON, *sm*. 1° Zanakalahy, zazalahy, lahy, ankizilahy madinika, lehilahy, tovolahy. Elle a mis au monde un—. Niteraka *zazalahy*, nitera-*dahy*, tera-*dahy* izy. Voilà une école de garçons. Iroa no trano fianaran'ny *zazalahy, ankizilahy madinika, lehilahy*. Je n'ai que des garçons. *Lahy* daholo ny *zanako* rehetra. C'est un — intelligent. *Lehilahy, tovolahy* haingan-tsaina izy. 2° —, Lehilahy tsy manam-bady Il est encore —. *Lehilahy* mbola *tsy manam-bady* izy. 3° —, Lehilahy mpikarama. — de magasin. *Lehilahy mpikarama* amy ny trano fivarotana.

GARDE, *sf*. 1° Fiambenana, fiandrasana, fiarovana. Faites bonne—. *Miambena* tsara. Monter la—. *Miambina*. C'est lui qui a la—du magasin. Izy no *miambina* ny trano fivarotana. On lui a confié la—de la ville. Izy no voafidy *hiambina, hiandry* ny tanána. Que Dieu vous ait en sa—! *Hambenana, harovan'* Andriamanitra anie hianao ! 2°—, Fitandremana, hamahina. Prenez—, donnez-vous de—qu'on ne vous trompe. *Tandremo, mahína* sao voafitaka hianao. 3°—, Mpiambina, ankotralahy. On appela la —. Noaihina ny *mpiambina*, ny *ankotralahy*. Corps de—. Voy. CORPS 4° —, Fiaro tánana. La—de l'épée est en argent. Volafotsy ny *fiaro tánana* amy ny sabatra.

GARDE, *sm*. Mpiamb'na.

GARDÉ, ÉE, *p*. 1° Voatahiry, notahirizina, tahirizina, voatana, notanana, tánana. 2°—, Voatandrina, notandremana, tandremana, voaraka, narahina, arahina. 3°—, Voambina, nambenana, ambenana, voaandry, nandrasana, andrasana, voaro, narovana, arovana.

GARDE-CHAMPÊTRE, *sm*. Mpiandry saha.

GARDE-FEU, *sm*. Halam-patana.

GARDE-FORESTIER, *sm*. Mpiambina ala.

GARDE-FOU, *sm*. Arofanina.

GARDE-MAGASIN, *sm*. Mpiambina magazay.

GARDE-MAIN, *sm*. Lafi-tánana.

GARDE-MALADE, *s*. Mpipetraka amy ny marary.

GARDE-MANGER, *sm*. Fitahirizankanina.

GARDER, *va*. 1° Mitahiry, mitana. Gardez ces fruits. *Tahirizo* ireo voankazo ireo. Je garde cet argent pour mon voyage. *Tahiriziko* ho vatsiko raha mandeha ity vola ity. Elle garda ses deux enfants auprès d'elle. *Notanany* tao aminy ny zanany roa. Il ne sait pas— les secrets. Tsy *mahatam*-bava izy. — rancune à quelqu'un. *Mitahiry* lolom-po amin' olona. Il garde ses habitudes. *Mitana* ny fanaony izy. ‖ *loc*. — la chambre. Mihiboka ao an-trano. —le lit. Mandry lava. Garder le silence. Mangina. 2°—, Mitandrina, manaraka. Gardez les commandements de Dieu. *Tandremo, araho* ny didin' Andriamanitra. — la bienséance. *Manaraka* ny fomba mety. 3°—, Miambina, miandry, miaro. — la ville. *Miambina, miandry* tanána. — le camp. *Miambina* ny lasy. — les brebis. *Miandry* ondry. Dieu vous garde! *Hambenana, harovan'* Andriamanitra anie hianao!

—, *vn*. Mitandrina. Gardez qu'on vous voie. *Tandremo* sao misy mahita anao.

Se garder, *vpr*. Mitandrina. Gardez-vous du froid. *Tandremo* ny hatsiaka. Gardez-vous bien de tomber. *Mitandrema* tsara sao lavo.

GARDE-ROBE, *sf*. Efi-trano fitahirizana akanjo.

GARDEUR, EUSE, *s*. Mpiandry. — de cochons. *Mpiandry* kisoa.

GARDE-VUE, *sm*. Fiaro maso.

GARDIEN, IENNE, *s*. Mpiambina, zavatra miaro. Le — de la prison. Ny *mpiambina* ny tranomaizina. La loi est la gardienne de nos droits. Ny lalána no *miaro* antsika araka ny rariny.

—, *adj*. Mpiambina L'ange —. Ny anjely *mpiambina* ; *fig*. olona mitandrina olon-kafa amim-pitiavana.

GARE, *int*. Tandremo ! — le bâton ! *Tandremo* sao voan' ny rotsa-kazo!

GARE, *sf*. 1° Trano na tokotany fijanonan' ny kalesy amy ny lálam-by. 2° —, Fitoerana fitanilan'ny sambo amy ny lakan-drano.

GARENNE, *sf*. Trano na tany fiompiana bitro.

GARER, *va*. Mampitanila amy ny *gare*.

Se garer, *vpr*. 1° Mitanila. 2°—, Man-

dositra. Il faut se — d'un fou. Tokony *handosirana* ny adala.

GARGARISER (SE), *vpr.* Manao gararáka.

GARGARISME, *sm.* 1° Zavatra atao gararáka. 2°—, Fanaovana gararáka.

GARGOTE, *sf.* Trano maloto fivarotana divay an-tsinjara.

GARGOUILLE, *sf.* Vava fantsona amy ny volombodin-trano.

GARGOUILLEMENT, *sm.* Fikoraraika.

GARGOUILLER, *vn.* 1° Mikoraraika. 2°—, Mitsabatsabaka, midabadaba. Voy. BARBOTER.

GARNEMENT, *sm.* Karilahy, karin' olona, karin-javatra, olon-dratsy.

GARNI, IE, *p.* et *adj.* 1° Nasiana, misy, misy fanaka, misy fomba. Tige garnie d'épines. Tahon-java-maniry *misy* tsilo, tsiloina. Chambre garnie. Efi-trano *misy fanaka*. 2°—, Feno, nofenoina.

GARNIR, *va.* 1° Manisy, manisy fanaka, — fomba, manomana. — une boutique de marchandises. *Manisy* entana ny trano fivarotana. — un appartement. *Manisy fanaka* ny efi-trano. — une robe de dentelles. *Manisy* dantely amy ny robo. —un lit. *Manisy fombam*-pandriana ny farafara. —une place de guerre. *Manomana* tanána misy batery. 2°—, Mameno. Les spectateurs garnissent la salle. *Feno* mpijery ny efitrano.

Se garnir, *vpr.* Mihafeno. Le port se garnit de vaisseaux. *Mihafeno* sambo ny seranana.

GARNISON, *sf.* 1° Miaramila mponina. Il y a cinq cents hommes de—dans cette place. Misy *miaramila mponina* diman-jato amin' izany tanána izany. 2°—, Tanána misy miaramila monina Les troupes rentrèrent dans les garnisons. Nody tamy ny *tanána namponenana* azy ny miaramila.

GARNITURE, *sf.* Fanaka, haingo, ravaka. La — d'une chambre. Ny *fanaka* ao amy ny efi-trano anankiray. Une—de robe. *Haingon*-drobo. Ce portrait a une — de perles. *Miravaka* vakana io sary io.

GARROTER, *va.* Managigigigy. Garrotez ce voleur. *Agigigigio* io tontakely io.

GASCON, ONNE, *s.* Mahery am-bava, mihambo, be hambo.

GASCONNADE, *sf.* Faherezam-bava, fihamboana.

GASCONNER, *vn.* Mahery am-bava, mihambo.

GASPILLAGE, *sm.* Fandaniana foana.

GASPILLER, *va.* Mandany foana. — du papier. *Mandany* taratasy *foana*. —ses biens, son temps. *Mandany foana* ny hareny, ny androny.

Se gaspiller, *vpr.* Lanina foana. Sa fortune se gaspille rapidement. *Laniny* haingana *foana* ny hareny.

GASTRALGIE, *sf.* Aretina ambavafó.

GASTRIQUE, *adj.* Ao ambavafó.

GASTRITE, *sf.* Aretina ambavafó mafy.

GASTRONOME, *sm.* Tia hanim-py, mpahalala dian-kanina.

GASTRONOMIE, *sf.* Fahalalana dian-kanina.

GÂTÉ, ÉE, *p* et *adj.* 1° Simba, nosimbana, rovitra, norovitina, voaloto, nolotoina, maloto. 2°—, Lo, masiso. 3° *fig.* Natao hanta ratsy, atao hanta ratsy, naranandratsy. Enfant—. Zaza *natao hanta ratsy,* etc.

GÂTEAU, *sm.* 1° Mofo mamy, mofo sponjy. 2°—, Tohotra. —de miel. *Toho*-tantely.

GÂTE-ENFANT, *sm.* Mpanaran-jaza.

GÂTE-MÉTIER, *sm.* Mpanao mora loatra.

GÂTER, *va.* 1° Manimba, mandrovitra, mandoto. La grêle a gâté le riz. Ny havandra *nanimba* ny vary. Il gâte vite ses habits. *Manimba,* etc., haingana ny fitafiany izy. 2°—, Mahaló, mampahasiso. La chaleur gâte la viande. Ny hafanana *mahaló* ny hena. 3° *fig.* Manimba. Les mauvais livres gâtent les jeunes gens. Ny boky ratsy *manimba* ny tanora. 4°—, Manao hanta ratsy, manarana. Elle gâte son enfant. *Manao hanta ratsy* ny zanany izy, *manaran*-janaka izy.

Se gâter, *vpr.* 1° Mihasimba, miharovitra, mihamaloto. 2°—, Miholó, mihamasiso, miharatsy. Cette viande cuite se gâte. *Mihamasiso* io hena masaka io. Le vin se gâte. *Miharatsy* ny divay. 3° *fig.* Mihasimba.

GÂTE-SAUCE, *sm.* Mpahandro tsy mahay.

GAUCHE, *adj.* 1° Havia, ankavia. La main —. Ny tánana *havia, ankavia.* Travailler de la main—. Miasa *manavia.*

2° *fig*. Vilana, mivaona, vailanina. Cette table est —. *Vilana*, etc., ity latabatra ity. 3° —, Mikaviavia, mitsivaikavaika, adala. Ce menuisier est —. *Mikaviavia, mitsivaikavaika* io mpandrafitra io. Il a fait une réponse—. Nanao valin' *adala* izy.

—, *sf*. Ankavia. Je m'assis à sa —. Nipetraka tao *ankaviany* aho.

À gauche, *loc. adv*. Ankavia.

GAUCHEMENT, *adv*. Mikaviavia, mitsivaikavaika, amin-kadalana.

GAUCHER, ÈRE, *adj*. et *s*. Kavia.

GAUCHERIE, *sf*. Fikaviavia, fitsivaikavaika, hadalana.

GAUCHIR, *vn*. 1° Mivilana, mivaona, vailanina. Cette planche gauchit. *Mivilana*, etc., io hazo fisaka io. 2°—, Misoroka, mihilana, mitanila. Il aurait été blessé, s'il n'eût un peu gauchi. Naratra izy raha tsy *nisoroka, nihilana, nitanila* kely.

—, *va*. Mampivilana, mampivaona. — un toit. *Mampivilana* tafon-trano.

GAUCHISSEMENT, *sm*. Fivilana, fivaona.

GAUDRIOLE, *sf*. Hatsikana, kivalavala ratsy.

GAUFRAGE, *sm*. Fandilandilanana, fanombohana.

GAUFRE, *sf*. 1° Toho-tantely. 2°—, Mofo mamy fisaka misy tomboka miefitrefitra.

GAUFRÉ, ÉE, *p*. et *adj*. Voadilandilana, voatomboka.

GAUFRER, *va*. Mandilandilana, manomboka.

GAUFREUR, EUSE, *s*. Mpandilandilana, mpanomboka.

GAUFRURE, *sf*. Dilana, tomboka.

GAULE, *sf*. Hazo lava, rotsa-kazo lava.

GAUSSER (SE), *vpr*. Mamazivazy, manaraby. Comme RAILLER.

GAUSSEUR, EUSE, *s*. Mpamazivazy, mpanaraby.

GAZ, *sm*. Gazy.

GAZE, *sf*. Lamba makarakara.

GAZELLE, *sf*. Biby maila-pandeha mitovitovy amy ny serfa.

GAZER, *va*. 1° Manisy lamba makarakara. 2° *fig*. Manarona.

GAZETTE, *sf*. 1° Gazety. 2° *fig*. Olona gazety vava.

GAZEUX, EUSE, *adj*. Mitoe-gazy, manahaka ny gazy.

GAZON, *sm*. Ahi-maitso, tombok'ahitra.

GAZONNÉ, ÉE, *adj*. Misy ahi-maitso, misy tombok'ahitra. Parterre—. Kisahasaha *misy ahi-maitso*, etc.

GAZONNER, *va*. Manisy ahi-maitso, —tombok' ahitra.

GAZOUILLEMENT, *sm*. Fitoreoreo, fitsiatsiaka.

GAZOUILLER, *vn*. Mitoreoreo, mitsiatsiaka.

GEAI, *sm*. Karazan-goaika.

GÉANT, ANTE, *s*. 1° Rapeto. 2° *fig*. Marcher à pas de—. Mandroso faingana amy ny fahaizan-javatra.

GEINDRE, *vn*. Mitaraindraina.

GÉLATINE, *sf*. Hatrotro, taimpiraka, hodrohodro.

GELÉE, *sf*. 1° Hatsiaka mampandry rano, fanala. —blanche. *Fanala*. 2°—, Hodrohodro, voan-kazo nandrahoina tamy ny siramamy. —de veau. *Hodrohodro* avy amy ny zanak' omby. —de pomme. Poma *nandrahoina tamy ny siramamy.*

GELER, *va*. 1° Mampandry. Le froid a gelé l'eau du bassin. Ny hatsiaka *nampandry* ny rano tao anaty dobo. 2°—, Mampangatsiaka, mampikarainkona. Vos mains me gèlent. *Mampangatsiaka* ahy ny tánanao.

—, *vn*. 1° Mandry. 2° —, Mangatsiaka, mamanala, mikarainkona. On gèle dans cette chambre. *Mangatsiaka, mamanala* amin'ity efi-trano ity. La vigne a gelé. *Nikarainkona* ny ravim-boaloboka.

Il gèle, *v. imp*. Mandry ny rano.

Se geler, *vpr*. 1° Mandry. 2°—, Mangatsiaka.

GÉMIR, *vn*. 1° Mitaraina, mitoloko. Je l'entendis — toute la nuit. Reko *nitaraina, nitoloko* nandritra ny alina izy. 2° *fig*. Miferinaina, mitaraina, malahelo. Il gémit dix ans dans l'esclavage. *Niferinaina* folo taona tamy ny fanandevozana izy. Le peuple gémit sous le poids des impôts. *Mitaraina* noho ny havesatry ny hetra ny vahoaka. Je gémis de votre erreur: *Malahelo* amy ny hadisoan-kevitrao aho. 3°—, Mizozozozo, midridridridry. Le vent gémit. *Mizozozozo* ny rivotra. Le palanquin gémit sous son poids. *Midridridridry* ny filanjana azon' ny havesarany.

GÉMISSEMENT, *sm*. 1° Fitarainana, fitoloko. 2° *fig*. Fitarainana. 3°—, Fizozozozo, fidridridridry.

GÊNANT, ANTE, *adj*. Manahirana.

GENCIVE, *sf.* Akanjo-nify, hihi-nify.

GENDARME, *sm.* Zandary.

GENDARMER (SE), *vpr.* Tezitra amy ny zavatra tsinontsinona.

GENDRE, *sm.* Vinantolahy.

GÊNE, *sf.* 1° Hasahiranana, fahasahiranana. Ces souliers me mettent à la—. *Manahirana* ahy ity kiraro ity. 2° *fig.* Fahasahiranana, tahotra. J'éprouve de la—en sa présence. *Sahirana* aho raha eo anatrehany. Il est tout à fait sans—. Tsy manan-*tahotra* velively izy, mitohatoha izy. 3°—, Haterena, haporetana. Je suis dans la—. *Tery, poritra* aho.

GÉNÉALOGIE, *sf.* Tetiarana, tetirazana.

GÉNÉALOGIQUE, *adj.* Misy tetiarana. Histoire—. Tantara *misy tetiarana.*

GÊNER, *va.* 1° Manahirana. Cette femme a un corset qui la gêne. *Sahiran'* ny fitiziny io vehivavy io. 2°—, Misakana. Les voitures gênent la circulation. Ny kalesy no *misakana* tsy hahazoana hivoivoy. 3° *fig.* Manahirana, misakana. La présence de cet homme me gêne. *Manahirana* ahy io olona io raha eo. Il gêne mes projets. *Misakantsakana* ny fikasako izy. 4°—, Mahatery, mahaporitra.

Se gêner, *vpr.* Mihafihafy, matahotra. Pourquoi vous gêner? faites ici comme si vous étiez chez vous. Nahoana no *mihafihafy* hianao? ataovy tahaka ny any aminao hianao aty. Il ne s'est point gêné pour lui dire la vérité. Tsy *natahotra* hilaza ny marina aminy izy.

GÉNÉRAL, ALE, *adj.* Rehetra, ny be sy ny maro, ny ankabiazany, ny ankamaroany, ankapobe, fanao matetika,—saika mandrakariva. On livra un assaut—à la place. Nanihin' ny miaramila *rehetra* ny tanàna. Il y eut un concile—à Rome. Nisy fivorian'ny eveka *rehetra* tao Roma. Il eut l'approbation générale. Nankasitrahan' ny *be sy ny maro,* ny *ankabiazany,* ny *ankamaroany* izy. Voici la loi générale. Izao no lalàna nahazo ny *ankapobe, fanao matetika, —saika mandrakariva.* Je dis ceci d'une manière générale. *Ankapobe* no ilazako izany.

En général, *loc. adv.* Ankapobe, matetika, saika mandrakariva.

GÉNÉRAL, *sm.* Komandin' ny tafika, jeneraly.

GÉNÉRALAT, *sm.* Fiambonian' ny jeneraly.

GÉNÉRALE, *sf.* Fivelezana langorony famonjena hatairana.

GÉNÉRALEMENT, *adv.* Amy ny be sy ny maro, amy ny ankabiazany, amy ny ankamaroany, ankapobe, matetika, saika mandrakariva. C'est l'opinion — reçue. Izany no hevitra arahin'*ny be sy ny maro, ny ankabiazany, ny ankamaroany.* On remarque — que.... Hita *matetika, saika mandrakariva* fa....

GÉNÉRALISATION, *sf.* Fanitarana amy ny zavatra maro.

GÉNÉRALISER, *va.* Manitatra amy ny zavatra maro. — un principe. *Manitatra* foto-kevitra anankiray *amy ny zavatra maro.*

Se généraliser, *vpr.* Mitatra amy ny zavatra maro.

GÉNÉRALITÉ, *sf.* 1° Ankapobe. Cette proposition dans sa—est fausse. Tsy marina izany hevitra izany, raha ny *ankapobeny* no heverina. 2°—, *pl.* Ravinteny. Il n'a pas traité son sujet, il n'a dit que des généralités. Tsy nikasika ny tena raharaha izy, fa nilaza *ravin-teny* fotsiny.

GÉNÉRATEUR, TRICE, *adj.* Miteraka, ihaviana. Le principe—d'une erreur. Ny foto-kevitra *miteraka,* etc., ny hevi-diso.

GÉNÉRATION, *sf.* 1° Fiterahana. 2°—, Taranaka, olona. La—de Noé. Ny *taranaky* Noé. Cette inimitié entre les deux familles a duré jusqu'à la cinquième—. Ny fifandrafesan' ireo fianakaviana roa tonta ireo dia naharitra hatramy ny *taranaka* fahadimy. Les générations futures. Ny *taranaka* ho avy. La—présente. Ny *olona* ankehitriny. 3° *fig.* Ihaviana. La—des idées. Ny *ihavian'* ny hevitra samihafa.

GÉNÉREUSEMENT, *adv.* 1° Amim-pamindram-po, amin-kerim-po. Il lui pardonna—. Namela ny hadisoany *tamim-pamindram-po* izy. Il se défendit—. Niaro tena *tamin-kerim-po* izy. 2°—, Amin-kazavam-po. Il donne—. Manome *amin-kazavam-po* izy.

GÉNÉREUX, EUSE, *adj.* 1° Mamindra fo, mahery fo. Il fut— envers son ennemi. *Namindra fo* ny fahavalony izy. 2° —, Mazava fo, mahafoy be. C'est un homme—. Olona *mazava fo,* etc., izy. 3°—, Mavitrika, sahy, mahery. Un coursier—. Soavaly *mavitrika, sahy.* Du vin—. Divay *mahery.*

GÉNÉROSITÉ, *sf.* 1° Famindram-po,

herim-po. 2°—, Hazavam-po, fahafoizambe.

GENÊT, *sm*. Hazo madinika mitovitovy amy ny kofafambohitra.

GENETTE, *sf*. Karazam-posa.

GÉNIE, *sm*. 1° Demony, angatra. Évoquer les génies. Mamoha *angatra*. 2°—, Fahaizana lehibe, halalinan-tsaina. Il a le —de la peinture. *Mahay* manoso-doko *fatratra* izy. C'est un homme de—, un—. Olona *lalin-tsaina dia lalin-tsaina* izy. Son — embrasse tout. Mahatakatra ny zavatra rehetra ny *halalinan-tsainy*. 3° —, Ny mahasamihafa. Le — de la langue française. *Ny mahasamihafa* ny fiteny frantsay amy ny fiteny hafa.

GENIÈVRE, *sm*. Hazo madinika manitra. ny voany.

GÉNISSE, *sf*. Vantotr' ombivavy.

GENOU, *sm*. Lohálika. Être à genoux, se mettre à genoux. *Mandohalika, manongalika*. ‖ *loc*. Tenir un enfant sur ses genoux. Miampofo zaza kely.

GENRE, *sm*. 1° Karazana. Il y a divers genres d'animaux. Misy biby samihafa *karazana*. J'ai des marchandises de tout—. Manana entana amidy samihafa *karazana* abo. ‖ *loc*. Le — humain. Ny olombelona rehetra. 2°—, Lamody, fandaha-teny, fanao. Voilà un chapeau d'un nouveau—. Intý misy satroka *lamody* vaovao. Cet auteur a un — simple. Tsotra *fandaha-teny* io mpamorom-boky io.

GENS, *sm. pl*. Fanjakana. Le droit des —. Ny lalám-pihavanana fanao amy ny *fanjakana* samihafa.

—, *sm*. ou *f*. 1° Olona. Ce sont des — de cœur. *Olona* mahery fo izy ireo. Ce sont de méchantes —. *Olona* sompatra izy ireo. Tous les — de bien. Ny *olona* tsara fanahy rehetra. 2°—, Mpikarama, maromita. J'ai payé tous mes —. Efa naloako avokoa ny volan' ny *mpikaramako*, etc., rehetra.

GENTIL, *sm*. Ny jentily, ny mpanompo sampy.

GENTIL, ILLE, *adj*. Mahafatifaty, tsara tarehy, mahafinaritra. Ses enfants sont gentils. *Mahafatifaty*, etc., ny zanany rehetra. Une chanson gentille. Kalokalo *mahafinaritra*.

GENTILHOMME, *sm*. Andriandahy.

GENTILITÉ, *sf*. 1° Ny jentily rehetra. 2°—, Fanompoan-tsampy. Il reste encore des marques de — dans ce pays. Tsy mbola tena levona ny *fanompoan-tsampy* amin' izany tany izany.

GENTILLESSE, *sf*. 1° Hatsaran-tarehy, hafinaritra. 2°—, *pl*. Zavatra mahafinaritra. Il a dressé son chien à mille gentillesses. Nampianatra *zavatra mahafinaritra* betsaka ny alikany izy. Il dit des gentillesses. Milaza *zavatra mahafinaritra* izy.

GENTIMENT, *adv*. Mahafinaritra. Cet enfant est — habillé. *Mahafinaritra* fitafianjo io zaza kely io.

GÉNUFLEXION, *sf*. Fanongalihana.

GÉOGRAPHE, *sm*. Mpahay jeografý. ‖ *loc*. Ingénieur—. Mpanao sarin-tany.

GÉOGRAPHIE, *sf*. Jeografý.

GÉOGRAPHIQUE, *adj*. Momba ny jeografý.

GEÔLE, *sf*. Tranomaizina.

GEÔLIER, *sm*. Mpiambina tranomaizina.

GÉOLOGIE, *sf*. Fahaizana momba ny tany.

GÉOLOGUE, *sm*. Mpahay ny amy ny tany.

GÉOMÉTRIE, *sf*. Jeometrý.

GÉOMÉTRIQUE, *adj*. Momba ny jeometrý.

GÉOMÉTRIQUEMENT, *adv*. Araka ny jeometrý.

GÉRANIUM, *sm*. Karazam-boninkazo.

GÉRANT, *sm*. Mpiadidy, mpiandraikitra, mpitandrina, mpitondra. Le—d'un journal. Ny *mpiadidy, mpiandraikitra* ny gazety anankiray.

GERBE, *sf*. Amboara. Lier des gerbes. Mifehy *amboara*.

GERCER, *va*. Mampitriatriatra, mahavakivaky, mampitsefatsefaka. Le froid gerce les mains. Ny hatsiaka *mampitriatriatra*, etc., ny tánana.

—, *vn*. Misomalatsiatra, mitriatriatra, vakivaky, mitsefatsefaka.

Se gercer, *vpr*. Misomalatsiatra, mitriatriatra, vakivaky, mitsefatsefaka.

GERÇURE, *sf*. Somalatsiatra, fitriatriatra, vakivaky, fitsefatsefaka.

GÉRER, *va*. Miadidy, miandraikitra, mitandrina, mitondra. Il gère une maison de commerce. *Miadidy, miandraikitra* trano fivarotana anankiray izy. — un domaine. *Mitandrina* saha anankiray. Il a mal géré ses affaires. Tsy nahay *nitondra* tsara ny raharahany izy.

GERMAIN, AINE, *adj*. Zanak' olo-mirahalahy. — mianadahy, — mirahavavy.

Cousins issus de germains. Zafin'ny *mpirahalahy, — mpianadahy, — mpirahavavy.*

GERME, *sm.* 1° Vovo-bony, maso. La pomme de terre a plusieurs germes. Maro *maso* ny ovim-bazaha. Le—de ces haricots est mort. Maty *maso* ireo tsaramaso ireo. 2°—, Tsimoka, vazana. Les fourmis rongent le—du blé. Hanin'ny vitsika ny *tsimoka, vazan'* ny varimbazaha. 3° *fig.* Fototra, ny ihaviana. Le—d'une maladie. Ny *fototra,* ny *ihavian'* ny aretina anankiray. Ces germes de rébellion couvaient depuis longtemps. Niafina izay ela izay ny *fototra,* ny *nihavian'* izany fikomiana izany.

GERMER, *vn.* 1° Vaky vazana, mitsimoka. Le blé germe. *Vaky vazana,* etc., ny varimbazaha. 2° *fig* Maniry, mitombo. La vertu germe dans son cœur. *Maniry,* etc., ao am-pony ny hatsaram-panahy. La révolte germait en secret. *Nitombo* mangingina ny fikomiana.

GERMINATION, *sf.* Havaky vazana, fitsimoka.

GÉSIER, *sm.* Haranany.

GÉSIR, *vn.* 1° Miampatra, mivalandótra. Le malade gisait sur le sol. *Niampatra,* etc., tamy ny tany ny marary. Il git maintenant dans le tombeau. *Miampatra* ao anaty fasana izy izao. 2°—, Milevina. Ci-gît un tel. Ato no *milevina* ranona. 3°—, Misy. Là gît toute la difficulté. Eto no *misy* ny sarotra indrindra.

GESTATION, *sf.* Toetry ny biby mitobatra, — ny bevohoka.

GESTE, *sm.* 1° Fihetsehana, fihetsiky ny tánana, fikofokofoka. Il a le—aisé. Kinga amy ny *fihetsehana,* amy ny *fihetsiky ny tánana* izy. Cet orateur fait trop de gestes. *Mikofokofoka* loatra io mpandaha-teny io. 2°—, *pl.* Les faits et gestes d'une personne. Ny zavatra malaza nataon'olona anankiray.

GESTICULATEUR, *sm.* Mpikofokofoka.

GESTICULATION, *sf.* Fikofokofohana.

GESTICULER, *vn.* Mikofokofoka. Il ne fait que—. *Mikofokofoka* fotsiny hiany izy.

GESTION, *sf.* Fiadidiana, fiandraiketana, fitandremana, fitondrana.

GIBBEUX, EUSE, *adj.* Mivohitra. Les parties gibbeuses de la lune sont les plus éclairées. Ny *mivohitra* amy ny volana dia mazavazava koko a.

GIBBOSITÉ, *sf.* Trafo. Voy. Bosse.

GIBECIÈRE, *sf.* Kotrau'ny mpihaza.

GIBERNE, *sf.* Kotran'ny miaramila.

GIBET, *sm.* Hazo fanantonana ny meloka.

GIBIER, *sm.* Biby fihaza. Gros —. *Biby* lehibe *fihaza,* toy ny serfa, ny lambo, etc. Menu—. *Biby* madinika *fihaza,* toy ny tsipoy, ny kitanotano, etc.

GIBOULÉE, *sf.* Tandrifin-drahona.

GIBOYEUX, EUSE, *adj.* Be biby fihaza. Une forêt giboyeuse. Ala *be biby fihaza.*

GIFLE, *sf.* Tahamaina.

GIFLER, *va.* Mamoly tahamaina.

GIGANTESQUE, *adj.* 1° Hoatra ny rapeto. Il a une taille—. Avobe *hoatra ny rapeto* izy. 2° *fig.* Makadiribe, ngezabe, goaibe. Arbre—. Hazo *makadiribe,* etc. 3°—, Mahagaga. Entreprise—. Zavatra *mahagaga* kasaina hatao.

GIGOT, *sm.* Fen'ondry.

GIGOTER, *vn.* Mitsipatsipaka. Cet enfant ne fait que—. *Mitsipatsipaka* lalandava io zaza kely io.

GIGUE, *sf.* Fingotra, ranjo.

GILET, *sm.* 1° Salotra. 2°—, Akanjo.—de flanelle. *Akanjo* filanelina.

GINGEMBRE, *sm.* Sakamalao, sakarivo.

GIRAFE, *sf.* Biby mandinika avo dia.

GIRANDOLE, *sf.* Fanaovan-jiro maro rantsana.

GIROFLE, *sm.* Karafoy.

GIROFLIER, *sm.* Foto-karafoy.

GIRON, *sm.* 1° Fofoana. Cet enfant dormait dans le—de sa mère. Natory tao am-*pofoan*-dreniny io zaza kely io. Tenir dans son—. *Miampofo.* 2° *fig.* Il est revenu au—de l'Eglise. Niverina tamy ny Eglizy katolika indray izy.

GIROUETTE, *sf.* 1° Famantarana ny alehan' ny rivotra 2° *fig.* Mpivadibadika.

GISANT, ANTE, *adj.* Miampatra, mivalandótra. Il est—dans son lit. *Miampatra,* etc., ao am-pandriana izy.

GISEMENT, *sm.* Toetry ny mineraly any anaty tany.

GÎT, Voy. Gésir.

GÎTE, *sm.* 1° Trano fandriana. Il n'a point de—assuré. Tsy manana antontrano *fandriana* izy. Je cherche un—. Mitady *trano fandriana* aho. 2°—, Lava-bi rodia.

GIVRE, *sm*. Fanala miraikitra amy ny hazo.

GLAÇANT, ANTE, *adj* 1° Mampangatsiaka. 2° *fig*. Mahakivy, mahaketraka. Il a un abord—. *Mahakivy*, etc., ny manatona azy.

GLACE, *sf*. 1° Ranomandry. On peut passer la rivière sur la—. Azo tetezina ny *ranomandry* eny ambonin' ny renirano. Rafraîchir le vin avec de la—. Mampangatsiatsiaka divay amy ny *ranomandry*. 2°—, Fisotro nasiana ranomandry. 3°—, Fitaratra. 4° *fig*. Hamafy fo, fo vato, fe. Il a un cœur de—. *Mafy fo* izy, *fo vato* ny fony. Il m'a reçu avec un visage de—. Nandray ahy *fe* nandray izy.

GLACÉ, ÉE, *p*. et *adj*. 1° Mandry. 2° —, Mangatsiaka dia mangatsiaka. 3°—, Mamirapiratra, misy varinesy. Gants glacés. Ga *mamirapiratra*, etc. 4° *fig*. Mafy fo, fo vato, fe.

GLACER, *va*. 1° Mampandry. Le froid glace l'eau. Ny hatsiaka *mampandry* ny rano. 2°—, Mampangatsiaka. Ce vent glace le visage. *Mampangatsiaka* ny tarehy izany rivotra izany. 3°—, Mampamirapiratra, manisy varinesy. —une étoffe. *Mampamirapiratra*, etc., lamba. 4° *fig*. Mahakivy, mahaketraka. Sa réponse me glaça. *Nahakivy*, etc., ahy ny valin-teny nataony.

—, *vn*. Mandry. Les sources ne glacent jamais. Tsy mety *mandry* na oviana na oviana ny loharano.

Se glacer, *vpr*. Mandry. Le bassin commence à se—. Madiva *handry* ny dobo.

GLACIAL, ALE, *adj*. 1° Mangatsiaka dia mangatsiaka, antarantara, antaravelona. 2° *fig*. Il m'a fait un accueil—. Nandray ahy fe nandray izy.

GLACIER, *sm*. Ranomandry mitambatra makadiry eny an-tampon' ny tendrombohitra.

GLACIÈRE, *sf*. Lavaka fitahirizana ranomandry.

GLAÇON, *sm*. Vongan-dranomandry.

GLADIATEUR, *sm*. Olona niady fahiny tamy ny olona na tamy ny biby masiaka.

GLAÏEUL, *sm*. Tenina, tsevoka.

GLAIRE, *sf*. 1° Tsiloliloly. 2°—, Tapotsin' atody.

GLAIREUX, EUSE, *adj*. Mitsiloliloly, misy tsiloliloly.

GLAISE, *sf*. et *adj*. Tanimanga. Terre—. *Tanimanga*.

GLAIVE, *sm*. 1° Sabatra. 2° *fig*. Ady. Le—peut seul décider cela. Ny *ady* hiany no mahatapaka izany. 3°—, Hery. Le —de la parole. Ny *herin'* ny fahaizamandaha-teny.

GLANAGE, *sm*. Fitsimponana ny salohim-bary diso.

GLAND, *sm*. 1° Voan' ny hazo oaka. 2°—, Sahondra. Le —d'une calotte. Ny *sahondran*-tsatro-bory.

GLANDE, *sf*. Glanda, atody, tamboavoa. Les glandes de l'aine. Ny *atodintaria*. ‖ *loc*. Les glandes des bœufs. Mosavin-kena. Enflure des glandes au-dessous des oreilles. Donika. Enflure des glandes de la gorge. Hanatra.

GLANDULEUX, EUSE, *adj*. Mitamboavoa.

GLANER, *va*. 1° Mitsimpona salohim-bary diso. 2° *fig*. Mitsimpona.

GLANEUR, EUSE, *s*. Mpitsimpona salohim-bary diso.

GLAPIR, *vn*. 1° Mikonainaina, mikaonkaona. 2° *fig*. Mikiakiaka.

GLAPISSANT, ANTE, *adj*. 1° Mikonainaina, mikaonkaona. 2° *fig*. Mikiakiaka.

GLAPISSEMENT, *sm*. 1° Fikonainaina, fikaonkaona. 2° *fig*. Fikiakiaka.

GLAS, *sm*. Fitsitaitaiky ny lakolosy raha misy maty.

GLISSADE, *sf*. Fisolafaka, fibolisatra, fikororosy. Il fit une—et tomba. *Nisolafaka, nibolisatra* izy ka lavo.

GLISSANT, ANTE, *adj*. 1° Malama. Le chemin est—. *Malama* ny lálana. 2° *fig*. C'est un terrain —. Hoatra ny monina an-kilahila ny miara-mitoetra amy ny lehibe.

GLISSEMENT, *sm*. Fitsoriaka.

GLISSER, *vn*. 1° Misolafaka, mibolisatra, mikorotsaka, miporotsaka, mitsoriaka, mikorisa, manao ankororosy. Le pied lui glissa et il tomba. *Nisolafaka, nibolisatra* ny tongony ka lavo izy. L'échelle glisse. *Misolafaka, mibolisatra* ny tohatra. Il saisit la corde et se laissa —jusqu'à terre. Nisambotra ny mahazaka izy ka *nikorotsaka* nidina hatrany ambany. Cela m'a glissé des mains. *Niporotsaka* tao an-tánako izany. Ce tiroir ne glisse pas bien. Tsy *mitsoriaka, mikorisa* tsara ity vata sarihana ity. Les enfants se plaisent à—. Tia *ankororosy* ny ankizy. —sur la glace. *Manao ankororosy* ambonin' ny rano-

mandry. 2° *fig.* Mikasika kely foana. Glissons là-dessus. Aoka *hokasihina kely foana* izany zavatra izany. 3°—, Tsy mampaninona, tsy mampihontsina. Mes conseils glissent sur son esprit. *Tsy mampaninona*, etc., azy ny fananarako.

—, *va.* 1° Manisika. Il glissa sa main dans ma poche. *Nanisika* ny tánany tao ampaosiko izy. 2° *fig.* Manisika, mibitsibitsika, mampiditra tsikelikely. J'ai glissé un mot dans sa lettre. *Nosisihako* teny iray tao amy ny taratasy nampitondrainy. Il me glissa quelques mots à l'oreille. *Nibitsibitsika* teny vitsivitsy tamiko izy. C'est lui qui a glissé cette erreur parmi le peuple. Izy no *nampiditra tsikelikely* izany hevi-diso izany tamy ny vahoaka.

Se glisser, *vpr.* 1° Misisika. mitsoriaka. Il se glissa dans la chambre. *Nisisika* tao amy ny efi-trano izy. Le voleur se glissa le long du mur. *Nitsoriaka* nanaraka ny rindrina ny mpangalatra. 2° *fig.* Miditra. Il s'est glissé beaucoup de fautes dans cet ouvrage. Be ny diso *tafiditra* amin'izany boky izany.

GLISSEUR, *sm.* Mpanao ankororosy.

GLISSOIRE, *sf.* Fanaovana ankororosy.

GLOBE, *sm.* 1° Giloby. Un — de verre. *Gilobim*-panaovan-jiro. Le centre d'un —. Ny ampovoan' ny *giloby.* ‖ *loc.* Le — terrestre. Ny tany. Les globes célestes. Ny astra. 2°—, Tany. Il a fait le tour du —. Efa nanodidina ny *tany* izy.

GLOBULE, *sm.* 1° Vongana madinika. — de sang. *Vongan*-dra *madinika.* 2° —, Pilina boribory.

GLOBULEUX, EUSE, *adj.* 1° Mivongambongana madinika. 2°—, Boribory.

GLOIRE, *sf.* Voninahitra, tabiha. Il ne respire que la —. Tsy mitsiriritra afa-tsy ny *voninahitra* izy. Dieu apparut à Moïse dans toute sa —. Niseho taminy Moizy tamy ny *voninahiny* rehetra Andriamanitra. Rendez — à Dieu. Omeo *voninahitra* Andriamanitra. Il jouit de la — éternelle. Mifaly amy ny *voninahitra* mandrakizay izy. Il est la — de son pays. *Voninahitra. tabihan'* ny tanindrazany izy. ‖ *loc.* Rendre — à la vérité. Manaiky ny marina.

GLORIEUSEMENT, *adv.* Amim-boninahitra.

GLORIEUX, EUSE, *adj.* 1° Be voninahitra, malaza, nahazo voninahitra. C'est un nom —. Anarana *be voninahitra, malaza* izany. Il est revenu tout — du combat. Niverina tamim-*boninahitra* lehibe *azony* tany an'ady izy. 2° —, Mahabe voninahitra. Il est — pour lui d'avoir délivré son pays. *Nahabe voninahitra* azy ny nanafahany ny tanin-drazany. 3°—, Mirehareha. Il est — de ses richesses. *Mirehareha* noho ny hareny izy.

—, *s.* Mpirehareha. Les — passent pour des sots. Ataon'ny olona ho adala ny *mpirehareha.*

GLORIFICATION, *sf.* Fanomezam-boninahitra.

GLORIFIER, *va.* Manome voninahitra. —Dieu. *Manome voninahitra* an' Andriamanitra. Dieu glorifie les Saints. Andriamanitra *manome voninahitra* ny Olo-masina.

Se glorifier, *vpr.* Mirehareha. Il se — de ses richesses. *Mirehareha* noho ny hareny izy.

GLORIOLE, *sf.* Firehareham amy ny zavatra madinika.

GLOSE, *sf.* Fivoasan-teny.

GLOSER, *va.* 1° Mivaofy teny. Comme COMMENTER. 2° *fig.* Maniny. — un ami. *Maniny* sakaiza.

—, *vn.* Manaratsy, manaboka. Il n'y a point à — sur ses actions. Tsy misy azo *anaratsiana, anabokána* azy ny nataony.

GLOSEUR, EUSE, *s.* Mpanaratsy, mpanaboka.

GLOTTE, *sf.* Vava lálan-drivotra.

GLOUGLOU, *sm.* 1° Fibohobobo. Le — de la bouteille. Ny *fibohobobon'* ny tavoahangy. 2°—, Fikaonkaona, fikolokolo.

GLOUSSEMENT, *sm.* Fikakáka, fikoraraika, fikohokoho. — de la poule qui va pondre. *Fikakáka.* —des poules couveuses. *Fikoraraika.* —de la poule pour appeler ses poussins. *Fikohokoho.*

GLOUSSER, *vn.* Mikakáka, mikoraraika, mikohokoho.

GLOUTON, ONNE, *adj.* et *s.* Mámosibosika, mandrapadrapaka, mandrepodrepoka.

GLOUTONNEMENT, *adv.* Manger —. Mamosibosika, mandrapadrapaka, mandrepodrepoka.

GLOUTONNERIE, *sf.* Famosibosika, fandrapadrapaka. fandrepodrepoka.

GLU, *sf.* Dity. Prendre les oiseaux à la —. Mama ndrika vorona amy ny *dity.*

GLUANT, ANTE, *adj.* Madity, mitsilolilioly, mifaroratra.

GLUAU, *sm.* Rotsa-kazo misy dity.

GLUER, *va.* Manosotra dity.

GLUTINEUX, EUSE, *adj.* Madity.

GOBELET, *sm.* Kapoaka, gobilé.

GOBE-MOUCHES, *sm.* 1° Vorona mpisambo-dalitra. 2° *fig.* Mpanaiky be.

GOBER, *va.* 1° Manao telimoka. 2° *fig.* Mora mino. C'est un homme qui gobe tout ce qu'on lui dit. Olona *mora mino* izay rehetra lazaina aminy izy.

GODET, *sm.* Vody bakoly, bakoly kely fanasan-doko.

GOÉLETTE, *sf.* Sambo kely roa salazana.

GOGUENARD, ARDE, *adj.* et *s.* Mpananihany, mpamazivazy, mpanao voso-dratsy.

GOGUENARDER, *vn.* Mananihany, mamazivazy manao voso-dratsy.

GOGUENARDERIE, *sf.* Fananihaniana, kivazivazy ratsy, voso-dratsy.

GOGUETTES, *sf. pl.* Resaka mampihomehy. || *loc.* Être en —. Varivary.

GOINFRE, *sm.* Olona be tenda, olona be kibo.

GOINFRER, *vn.* Mamosibosika, mandrapadrapaka, mandrepodrepoka.

GOINFRERIE, *sf.* Famosibosika, fandrapadrapaka, fandrepodrepoka.

GOÎTRE, *sm.* Bibaka an-tenda, nono miely, deronina. — des femmes. *Nono miely.* — des moutons. *Deronina.*

GOÎTREUX, EUSE, *adj.* et *s.* Misy bibaka an-tenda, misy nono miely, deronina.

GOLFE, *sm.* Helo dranomasina.

GOMME, *sf.* Ditin-kazo, gaoma, matezaroritina, sandarosy. —arabique. *Gaoma.* — élastique. *Matezarorilina.* — copal. *Sandarosy.*

GOMMÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Voahosotra gaoma, nohosorana —. 2°—, Voaharo gaoma, noharoana —.

GOMMER, *va.* 1° Manosotra gaoma.— de la toile. *Manosotra gaoma* ny lamba. 2°—, Mangaro gaoma.— une couleur. *Mangaro gaoma* ny loko.

GOMMEUX, EUSE, *adj.* 1° Misy dity. Arbre—. Hazo *misy dity.* 2°—, Madity. Suc—. Ranon-kazo *madity.*

GOND, *sm.* 1° Labin-tsavily. 2° *fig.* Mettre quelqu'un hors des gonds. Mampisafoaka olona.

GONFLÉ, ÉE, *adj.* 1° Mibontsina, mizihitra, mivozihitra, mizihizihy, mivonto, mibibaka, mibinabina, mibontana. Ventre—. Kibo *mizihitra, mivozihitra, mizihizihy.* 2° *fig.* Mirehareha, mieboebo, miavonavona, mibohibohy.

GONFLEMENT, *sm.* Fivontosana, fibibahana.

GONFLER, *va.* 1° Manabontsina, mampibontsina, mampizihitra, manavozihitra, mampizihizihy, mampivonto, mampibibaka, mampibinabina, mampibontsina. Voy. Enfler. 2° *fig.* Mampirehareha, mampieboebo, mampiavonavona, mampibohibohy.

—, *vn.* Mivonto, mibibaka, mibinabina, mibontana.

Se gonfler, *vpr.* 1° Mibontsina, mizihitra, mivozihitra, mizihizihy, mibontana. 2° *fig.* Mirehareha, mieboebo, miavonavona, mibohibohy.

GORGE, *sf.* 1° Tenda, traoka. Prendre quelqu'un à la—. Misambotra olona amy ny *tendany*; *fig.* manao terivozona olona. Serrer la — à quelqu'un. *Manenda, manatraoka* olona. Il a mal à la—. Marary *tenda* izy. Il lui est demeuré un os dans la—. Nisy taolana anankiray *nahakenda* azy. || *loc.* Couper la—à quelqu'un. Manominda olona. 2°—, Vava. La—d'une cloche. Ny *vavan*-dakolosy. 3°—, Ankadilanana, hadilanana. L'armée fut arrêtée dans les gorges des montagnes. Nosakanana tao *ankadilanana*, amy ny *hadilanana* ny tafika. 4° *fig.* Rire à — déployée. Mikakakaka. Faire des gorges chaudes de quelque chose. Milaza hatsikana ny amy ny zavatra anankiray.

GORGÉE, *sf.* Indray mitelina. Il n'a pu boire que deux gorgées de bouillon. Tsy nahasotro ro afa-tsy indroa *mitelina* izy.

GORGER, *va.* 1° Mampiboboka, mampiletra, mampanao tranga, — tonga haka, manesi-kanina. On les a gorgés de vin et de viandes. *Nampibobohina* divay sy *nampilerina* hena izy ireo. —un dindon. *Manesika* vorontsiloza. 2° *fig.* Manome be dia be, manesika. On l'a gorgé d'or. *Nomena, nosesehana* vola *be dia be* izy.

Se gorger, *vpr.* 1° Miboboka, misesika, manao tranga, —tonga haka. 2° *fig.* Mahazo be dia be.

GOSIER, *sm.* 1° Tenda. J'ai le — tout en feu. May ny *tendako.* 2° *fig.* Elle a un — de rossignol. Tsara feo izy.

GOTHIQUE, *adj.* et *sm.* Misy andohalambo marani-doha.

—, *sf.* Soratra gotika.

GOUDRON, *sm.* Tara.

GOUDRONNER, *va.* Manosotra tara.

GOUFFRE, *sm.* 1° Tevana, hantsana, lavaka mangotanatana, — mangitsokitsoka. Il est tombé dans un —. Nianjera tao amy ny *tevana*, etc., izy. Au bas de la cascade il y a un—. Misy *lavaka mangotanatana, lavaka mangitsokitsoka* ao ambanin' ny riana. 2° *fig.* Tevana. Le voilà dans le — de l'éternité malheureuse. Indro efa mby ao amy ny *tevan'* ny fahaverezana mandrakizay izy. Il est tombé dans un — de misères. Latsaka anatin' ny *tevan'* ny fahoriana maro izy. 3°—, Zavatra mampandany vola be. Ce procès est un—. *Mampandany vola be* izany ady izany.

GOUGE, *sf.* Famohaláka.

GOUJAT, *sm.* 1° Maromita, mpanolodrihitra. 2° *fig.* Dondrina.

GOULOT, *sm.* Vozon-tavoahangy.

GOULU, UE, *adj.* Miosanosana, mamosibosika, mandrapadrapaka, mandrepodrepoka. Le cochon est un animal—. Biby *miosanosana,* etc., ny kisoa.

GOULÛMENT, *adv.* Manger—. Miosanosana, mamosibosika, mandrapadrapaka, mandrepodrepoka.

GOUPILLON, *sm.* Zavatra amafazandrano voahasina.borosy kely misy tahony.

GOURDE, *sf.* Voatavo fasian-drano na divay.

GOURDIN, *sm.* Langilangy, kibay.

GOURMAND, ANDE, *s.* et *adj.* 1° Tia hanim-py, mahalala dian-kanina. 2°—, Sarotra an-kanina, tendána, fatihanina, maty an-kanina.

GOURMANDER, *va.* 1° Mandevilevy. —quelqu'un. *Mandevilevy* olona. 2°—, Mamolaka. — ses passions. *Mamolaka* ny filan-dratsiny.

GOURMANDISE, *sf.* 1° Fitiavan-kanim-py, fahalalana dian-kanina. 2° —, Hasarotana an-kanina, hatendana, hafatihanina.

GOURMÉ, ÉE, *adj.* Mody maotona.

GOURMER, *va.* Manisy lagoromety.

Se gourmer, *vpr.* Mody maotona.

GOURMET, *sm.* Tia hanim-py, mpahalala dian-kanina.

GOURMETTE, *sf.* Lagoromety.

GOUSSE, *sf.* Hodi-boan-javatra. Voy. COSSE. || — d'ail. Hasin-tongolo gasy.

GOUSSET, *sm.* Paosy kely.

GOÛT, *sm.* 1° Fandrenesana tsiro, vava, fanandramana. Il a le —fin. Malady *mandre tsiron*-javatra izy. Il a le—usé. Donto *vava* izy. Cela plaît au—. Tsara ao am*bava* izany, tsara izany raha *andramana.* 2°—, Tsiro, hafý, hatsarana. Cette viande a bon—. *Matsiro, fy* izany hena izany. Ce vin a bon—. *Tsara* io divay io. 3° —, Haimbo. Ce tabac a un — de pourri. *Maimbo* lo io paraky io. 4°—, Fitiavana. Ce malade ne trouve — à rien. Tsy *tia* na inona na inona io marary io. 5° *fig.* Fitsaran-javatra, fahaizana mitsara zavatra, hevitra, fitiavana, fankasitrahana. Il a le — sûr. *Mahay mitsara zavatra* izy. C'est un écrivain sans—. Mpanoratra boky tsy *mahay mitsara zavatra* izy. Chacun a son—. Samy manana ny *heviny,* ny *tiany* ny olona. Cet ouvrage est au—de tout le monde. *Tiana, ankasitrahan'* ny olona rehetra izany boky izany. Il a du — pour cette étude. *Tia* izany fianarana izany izy. 6°—, Fomba, marika, lamody. Ce meuble est de mauvais—. Tsy araka ny *fomba* mety, ratsy *marika* io fanaka io. Ce meuble est d'un—nouveau. *Lamody* vaovao io fanaka io. 7°—, Hatsarana, hakanto, hafinaritra. Cet ouvrage est fait avec—. Vita *tsara, kanto, mahafinaritra* io taozavatra io.

GOÛTÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Re, voandrana, nandramana. 2° *fig.* Tiana, mamy, nankasitrahana, ankasitrahana, sitraka, telina, fy.

GOÛTER, *va.* 1° Mandre tsiro, mandre hatsarana, manandrana. Buvez ce vin lentement, afin de le mieux—. Sotroy miadana io divay io mba ho *renao* tsaratsara kokoa ny *hatsarany.* Le cuisinier n'a pas goûté la sauce. Tsy *nandraman'* ny mpahandro ny lasaosy. Il sait — le vin. Mahay *manandrana* divay izy. 2° *fig.* Tia, mankamamy, mankasitraka, mankatelina, mankafý, finaritra. Il goûte ce travail. *Tia* izany asa izany izy. Je goûte ce que vous dites. *Tiako, mamiko, ankasitrahako* izay lazainao, *sitrako, teliko* ny teninao. — les douceurs du sommeil. *Mankafý* torimaso. Il goûte les plaisirs de la vie. *Finaritra* amy ny fiadanana izy.

—, *vn.* 1° Manandrana. Goûtez de notre vin. *Andramo* ny divainay. 2°—, Misakafo kely amy ny folaka andro. 3° *fig.* Manandrana, mitsapa. Il a goûté du métier de soldat. *Nanandrana, nitsapa* ny raharahan' ny miaramila izy.

Se goûter, *vpr.* Mifankatia.

GOUTER, *sm.* Sakafo kely amy ny folaka andro.

GOUTTE, *sf.* 1° Indray miteté. Buvez cinq gouttes de ce remède. Misotroa indimy *miteté* amin'ity fanafody ity. || *loc.* Je sue à grosses gouttes. Mipotrapotraka ny tsemboko. Des gouttes de pluie commencent à tomber. Mitaika ny ranonorana. Ils se ressemblent comme deux gouttes d'eau. Tsy misy ivoasana, lasitra iray izy roa lahy. 2°—, Kely. Buvez une — de vin. Misotroa divay *kely*.

—, *adv.* Velively. Je n'y vois —. Tsy mahita *velively* aho.

Goutte à goutte, *loc. adv.* Miteté. Versez cette liqueur—. *Atetevo* ny fampidina ity lalikera ity.

GOUTTE, *sf.* Gaotra.

GOUTTEUX, EUSE, *adj.* et *s.* Mararin' ny gaotra.

GOUTTIÈRE, *sf.* Fantsona fanariandrano amy ny volombodin-trano.

GOUVERNABLE, *adj.* 1° Azo entina, —anjakana, —zakaina, —fehezina, —didiana. 2°—, Azo taritina.

GOUVERNAIL, *sm.* 1° Fanamory, familian-tsambo. 2° *fig.* Fanapahana, fifehezana, fandidiana, fitondrana. Ce ministre tient bien le—. Mahay *manapaka, mifehy, mandidy* io ministra io.

GOUVERNANTE, *sf.* 1° Vadin'ny governora. 2°—, Vehivavy mpampianatra ao an-trano, vehivavy mpitaiza. Cette jeune fille ne sort jamais qu'avec sa—. Io zazavavy io tsy mivoaboaka raha tsy miaraka amy ny *mpampianatra, mpitaiza* azy. 3°—, Vehivavy mpikarakara ny ao an-trano.

GOUVERNANTS, *sm. pl.* Ny mpanapaka, ny mpandidy.

GOUVERNE, *sf.* Fitsipika fitondrana. Cette lettre vous servira de—. Ity taratasy ity ho *fitsipika hitondranao* ny tenanao na ny raharahanao.

GOUVERNÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Nentina, entina, nozakaina, zakaina, voafehy, nofehezina, fehezina, voadidy, nodidiana, didiana. 2°—, Voatarika, notaritina, taritina. 3°—, Voatsitsy, notsitsina, tsitsina.

—, *sm. pl.* Ny olom-pehezina.

GOUVERNEMENT, *sm.* 1° Fanjakana, fanapahana, fifehezana, fandidiana, fitondrana. Le peuple a joui de la paix sous son—. Niadana ny vahoaka tamy ny andro *nanjakany, nanapahany, nandidiany*. Cette femme n'entend rien au—d'une maison. Io vehivavy io tsy mahay *mifehy, mitondra* ny ankohonany. 2°—, Fombam-panjakana, fanjakana, governementa. Il a établi un bon—. Namorona *fombam-panjakana* tsara izy. Les deux gouvernements sont d'accord. Mifanaraka ny *fanjakana, governementa* roa tonta. 3°—, Raharahan' ny governora, fari-tanin' ny governora.

GOUVERNER, *va.* 1° Mitondra, manjaka, manapaka, mifehy, mandidy, manito. Il ne sait pas—le navire. Tsy mahay *mitondra* ny sambo izy. Dieu gouverne l'univers. Andriamanitra no *mitondra* izao tontolo izao. Ce roi gouverne sagement son royaume. *Mitondra* ny fanjakany amim-pahendrena, *manjaka, manapaka* amim-pahendrena io mpanjaka io. Il gouverne bien sa maison. *Mitondra, mifehy* tsara ny ankohonany izy. Un père doit—ses enfants. Ny ray tsy maintsy *hifehy* ny zanany. C'est la femme qui gouverne. Ny vavy no *manapaka, mandidy, manito,* manao akohovavy maneno ny vavy. 2°—, Mitarika. Il ne se laisse—par personne. Tsy mety *hotaritin'* olona izy. 3°—, Mitsitsy. Vous avez peu de provisions, gouvernez-les bien. Kely hiany ny haninao, ka *tsitsio* tsara.

Se gouverner, *vpr.* 1° Mahazaka tena, mahafehy tena, mandidy tena. Ils résolurent de se—eux-mêmes, et de se constituer en république. Nikasa *hahazaka tena*, etc., sy hanao repoblika izy ireo. 2°—, Mitondra tena. Il se gouverne sagement. *Mitondra tena* amim-pahendrena izy.

GOUVERNEUR, *sm.* 1° Governora. 2°—, Mpiadidy, lehibe. Le—de la banque. Ny *mpiadidy, lehiben'* ny banky. 3°—, Mpampianatra ao an-trano, mpitaiza.

GOYAVE, *sf.* Goavy, angavo.

GOYAVIER, *sm.* Foto-goavy.

GRABAT, *sm.* Fandriana ratsy. Être sur le—. Marary ao am-*pandriana*.

GRABUGE, *sm.* Fifandirana.

GRÂCE, *sf.* 1° Soa. C'est la seule—que je vous demande. Izany no hány *soa* angatahiko aminao. 2°—, Fitia, fitiavana, sitraka. Il est en—auprès du roi, il est dans les bonnes grâces du roi. *Tiana, ankasitrahan'* ny mpanjaka izy. 3°—, Famelana, famoizana, famelan-keloka, fifonana, fivalozana, figarasiana. Je lui ai fait—de la moitié de sa dette. *Navelako, nafoiko* ny antsasaky ny trosako tany aminy. Il a obtenu sa—. Nahazo *fa-*

melan-keloka izy. Ce crime ne mérite aucune—. Tsy tokony *havela* izany heloka izany. Demander—. *Mifona, mivalo, migarasy*. 4°—, Fahasoavana. Les sacrements confèrent la—. Ny sakramenta mampahazo ny *fahasoavana*. Il est mort dans la —de Dieu. Maty tamy ny *fahasoavan'* Andriamanitra izy. — sanctifiante. *Fahasoavana* mahamasina. Il est en état de —. Manana ny *fahasoavana* mahamasina izy. 5°—, Fisaorana, fankasitrahana. Action de grâces. *Fisaorana, fankasitrahana*. Je vous rends grâces de ce que vous avez fait pour moi. *Misaotra, mankasitraka* anao aho noho ny nataonao tamiko. 6°—, Hafinaritra, hatsara. Elle a un sourire plein de grâces. *Mahafinaritra* ny fihomehiny. Cela est dit avec—. *Mahafinaritra, tsara* ny teny filazana izany. 7°—, *pl*. Fivavahana aorian' ny fihinanana. Dire ses grâces. Manao *fivavahana aorian' ny fihinanana*.

Grâce à. Noho. Il se porte mieux — à Dieu. Nihatsara izy *noho* ny fitahian' Andriamanitra. — à son courage. *Noho* ny herim-pony.

De bonne grâce, An-kazotoana. Faites cela de bonne—. Ataovy *an-kazotoana* izany.

De mauvaise grâce, An-kalainana. Il fait tout de mauvaise —. Manao ny zavatra rehetra *an-kalainana* izy.

De grâce, *loc. adv*. Mihanta. De —, secourez-moi ! *Mihanta* aminao, mba vonjeo re aho !

GRACIER, *va*. Mamela ny heloky ny olo-meloka. Il a été gracié. *Navela ny helony*.

GRACIEUSEMENT, *adv*. 1° Mahafinaritra. 2°—, Amim-panajana.

GRACIEUSETÉ, *sf*. Fanajana.

GRACIEUX, EUSE, *adj*. 1° Mahafinaritra. Il a un maintien —. *Mahafinaritra* ny toetrany. 2°—, Manaja. Elle me fit une réception gracieuse. Nandray ahy tamim-*panajana* izy.

GRADATION, *sf*. Fitomboana tsikelikely. La — de la lumière est sensible depuis la pointe du jour jusqu'au lever du soleil. Hita tsara ny *fitomboan'* ny fahazavana hatramy ny mazava ratsy ka hatramy ny fiposahan' ny masoandro.

GRADE, *sm*. Voninahitra. Il fut élevé au plus haut—. Nasandratra amy ny *voninahitra* ambony indrindra izy. Il a obtenu un nouveau —. Nahazo *voninahitra* indray izy. || *loc*. Il a obtenu le — de capitaine. Lasa kapiteny izy. Il a obtenu le — de docteur. Lasa dokotera izy.

GRADÉ, ÉE, *adj*. Nahazo voninahitra. C'est un militaire —. Foloalindahy *nahazo voninahitra* izy.

GRADIN, *sm*. Ambaratonga.

GRADUATION, *sf*. Fanamarihana ambaratonga.

GRADUEL, ELLE, *adj*. Tsikelikely.

GRADUELLEMENT, *adv*. Tsikelikely. Diminuer—. Mampihena *tsikelikely*.

GRADUER, *va*. 1° Manamarika ambaratonga. —un thermomètre. *Manamarika ambaratonga* amy ny termométra. 2°—, Mampitombo tsikelikely. — le feu. *Mampitombo tsikelikely* ny afo.

GRAIN, *sm*. 1° Voa. Le — de ce blé est gros. Vaventy ny *voan'* io varimbazaha io. —de riz. *Voam*-bary, akotry. Je n'ai pas mangé un — de riz. Tsy nihinana na dia *voam*-bary iray aza aho. Combien coûte l'or du poids de quatre grains de riz ? Hoatrinona no vidin' ny volamena lanjan' *akotry* efatra ? Donnez-moi un — de raisin. Omeo *voam*-boaloboka anankiray aho. —de chapelet. *Voan*-tsapile. 2°—, Vongana. Donnez-moi un—de sel. Omeo *vongan*-tsira anankiray aho. || *loc*. Qui peut compter les grains de sable qui sont sur le bord de la mer ? Iza no mahisa ny fasika eny amoron-dranomasina ? Il n'a pas un — de bon sens. Tsy manan-tsaina na dia kely aza izy. 3°—, Rotsy. Ce maroquin est d'un beau—. Tsara *rotsy* io hoditrimo io. 4°—, Tandrifin-drahona.

GRAINE, *sf*. Voan'anana, voan-javatra. — de choux. *Voan*-daisoa. || *loc*. — de vers à soie. Atodin-tsamoin-dandikely.

GRAISSAGE, *sm*. 1° Fanosorana menaka. 2°—, Menaka fanosorana. Voilà un bon —. Inty misy *menaka fanosorana* tsara.

GRAISSE, *sf*. Tavy, jabora, menaka. La—l'incommode. Sempotry ny *taviny* izy. Cette poularde a un doigt de—. Misy voantondro iray ny *tavin'* io akoho io. — de l'intérieur des animaux. *Jabora*. Faire fondre de la —. Manempo *menaka*. —figée. *Menaka* mandry. Frotter une scie avec de la —. Manosotra *tavin*-kena, etc., ny tsofa.

GRAISSER, *va*. 1° Manosotra menaka, — tavin-kena, — jabora. — des souliers.

Manosotra menaka, etc., kiraro. 2°—, Mameno menaka. Cela vous graissera les mains. *Hameno menaka* ny tánanao izany.

—, *vn.* Mihamarihitra. Ce vin graisse. *Mihamarihitra* io divay io.

Se graisser, *vpr.* Hosora-menaka, mihoso-menaka.

GRAISSEUX, EUSE, *adj.* Misy menaka, minendonéndo, hoatra ny menaka.

GRAMMAIRE, *sf.* Gramara.

GRAMMAIRIEN, *sm.* Mpahay gramara, mpampianatra—, mpamorona—.

GRAMMATICAL, ALE, *adj.* Momba ny gramara, araka ny gramara.

GRAMMATICALEMENT, *adv.* Araka ny gramara.

GRAMME, *sm.* Grama, lanjam-boamena latsaka akotry roa.

GRAND, ANDE, *adj.* 1° Lehibe, vaventy, avo, lava, be. mafy. Une grande personne. Olon-*dehibe*. Homme—. Olona *vaventy, lava.* —arbre. Hazo *lehibe, vaventy, avo.* Une grande ville. Tanána *lehibe.* Un—précipice. Hantsana *lehibe.* Cet enfant se fait—. *Mihalehibe* io zaza kely io. Grande armée. Tafika *lehibe.*—projet. Fikasana *lehibe.* — dîner. Fihinanam-*be.* grandine. —menteur. Mpandainga *be.* —prêtre. Mpisorom-*be.* — jour. Antoandro *be.* Il fait déjà—jour. Efa antoandro *be* sahady.— froid. Hatsiaka *mafy.* 2°—, Malaza, be voninahitra, ambony indrindra, izaitsizy. C'est un — roi. Mpanjaka *malaza, be voninahitra* izy. Alexandre le—. Aleksandra ilay *malaza.* Les grands dignitaires. Ny manamboninahitra *ambony indrindra.*— buveur. Mpiboboka *malaza, izaitsizy.* 3°—, Mahery fo, mendrika, lalina, miangesongeso. Il a une grande âme. Olona *mahery fo* izy. Il se montra—et généreux. Nampiseho *fahamendrehana* sy hazavam-po izy. C'est là de la grande éloquence. Fahaiza-mandaha-teny *lalina* izany. Il se sert de grands mots. *Miangesongeso* fiteny izy.

—, *sm.* 1° Zavatra lehibe. Il y a du—dans ce projet. *Zavatra lehibe* izany fikasana izany. 2°—, Ny lehibe. Il cherche la faveur des grands. Mila sitraka amy ny *lehibe* izy.

GRANDELET, ETTE, *adj.* Lehibebe.

GRANDEMENT, *adv.* 1° Amim-boninahitra, amim-piandrianana, amim-piamboniana, amim-pahamendrehana, amin-kalalinana. 2° —, Izaitsizy. Il se trompe—. Diso hevitra *izaitsizy* izy.

GRANDEUR, *sf.* 1° Halehibe, havaventy, hahavo, halava, habe. La—d'un logis. Ny *halehibe, haben'* ny trano anankiray. Ces deux hommes sont de même—. Mitovy ny *havaventy, hahavo, halavan'* izy roa lahy ireo. Le châtiment doit répondre à la — du crime. Ny famaizana tokony hifanaraka amy ny *halehibe, haben'* ny heloka. 2°—, Voninahitra, fiandrianana, fahamboniana, fiamboniana. La — de Dieu. Ny *voninahitra*, etc., Andriamanitra. La—des rois. Ny *voninahitra*, etc., ny mpanjaka. Je méprise la—de ce monde. Hamavoiko ny *voninahitr'* izao tontolo izao. 3°—, Herim-po, hamendrehana, halalinana. J'admire sa —d'âme. Mahagaga ahy ny *herim-pony.* Il y a de la — dans sa conduite. *Mendrika* ny fitondran-tenany. Les expressions ne répondent pas à la—du sujet. Ny tony tsy mifanaraka amy ny zavatra *lalina* izay lazainy. 4°—, Anaram-boninahitra fanajana ny eveka.

GRANDIOSE, *adj.* et *sm.* Mahatalanjona, mampitampim-bava.

GRANDIR, *vn.* 1° Mihalehibe, mihalava, mitombo, maniry Cet enfaut a grandi. *Nihalehibe, nihalava, nitombo* io zaza kely io. Les pluies ont fait—le riz. *Nampaniry* ny vary ny ranonorana. 2° *fig.* Mitombo. Il a grandi en sagesse. *Nitombo* fahendrena izy.

—, *va.* Mahalava. Ces vêtements le grandissent. *Mahalava* azy ireo akanjo ireo.

Se grandir, *vpr.* 1° Mihalehibe, mihalava. 2° *fig.* Mitombo.

GRANDISSANT, ANTE, *adj.* Mitombo. Puissance grandissante. Fahefana *mitombo.*

GRAND'MAMAN, *sf.* Nenibe.

GRAND'MÈRE, *sf.* Renibe.

GRAND'MESSE, *sf.* Lamesa hiraina, lamesa lehibe.

GRAND-ONCLE, *sm.* Rahalahin' ny raibe, anadahin' ny renibe.

GRAND-PÈRE, *sm.* Raibe.

GRAND'TANTE, *sf.* Rahavavin' ny renibe, anabavin' ny raibe.

GRANGE, *sf.* Trano fametrahana antontam-bary.

GRANIT, *sm.* Vatomainty.

GRANITIQUE, *adj.* Misy vatomainty. Roche—. Vatolampy *vatomainty.*

GRANIVORE, *adj.* et *s.* Vorona homam-boan-javatra.

GRANULER, *va.* Mampivongambongana madinika, manao diplio. — du plomb. *Mampivongambongana madinika* ny firaka, *manao diplio.*

GRANULEUX, EUSE, *adj.* Mivongambongana madinika, fasipasehina. Terre granuleuse. Tany *mivongambongana madinika,* etc.

GRAPPE, *sf.* Sampaho, salohy. — de raisin. *Sampaho, salohim*-boaloboka. — de fruits. *Sampaho, salohim*-boankazo. — de fleurs. *Salohim*-boninkazo.

GRAPPILLAGE, *sm.* Fitsimponana ny sampahom-boaloboka diso.

GRAPPILLER, *vn.* 1° Mitsimpona sampahom-boaloboka diso. 2° *fig.* Mangala-tety, manao halatra madinika.

GRAPPILLEUR, EUSE, *s.* 1° Mpitsimpona sampahom-boaloboka diso. 2° *fig.* Mpangala-tety, mpanao halatra madinika.

GRAPPILLON, *sm.* Sampahom-boaloboka madinika.

GRAPPIN, *sm.* 1° Vatofantsika madinika. 2°—, Farango vy lehibe. 3° *fig.* Mettre le — sur quelqu'un. Misambotra olona.

GRAS, GRASSE, *adj.* 1° Matavy, mivoraka, mivondraka, vondraka. Homme —. Olona *matavy, mivoraka, mivondraka* Bœuf —. Omby *matavy.* Viande grasse. Hena *matavy.* Cochon —. Kisoa *matavy,* etc. 2°—, Be menaka, misy menaka, mihoso-menaka, minendonendo, hoatra ny menaka, marihitra. Ce bouillon est trop—. *Be menaka* loatra io ro io. Cheveux—. Volon-doha *misy menaka, mihoso-menaka, minendonendo.* L'huile est une substance grasse. *Hoatra ny menaka* ny solika. De l'encre grasse. Ranomainty *marihitra.* || *loc.* Bouillon—. Lasopy nasiankena. Jours—. Andro tsy ifadian-kena. Terre grasse. Tany madity, be nofo. Terres grasses. Tany lonaka. De—pâturages. Tany be vilona.

—, *sm.* Tavin-kena. Ne mangez pas le—. Aza homana ny *tavin-kena.* || *loc.* Le— de la jambe. Voavitsy, kibon-dranjo. Faire—. Tsy mifady hena.

GRAS-DOUBLE, *sm.* Vahin-droroha, roroha, masontantelin-kena.

GRASSEMENT, *adv.* Amim-piadanana, tsy amim-pahihirana. Vivre—. *Miadana.* Payer—. *Tsy mahihitra* raha mandoa vola.

GRASSET, ETTE, *adj.* Matavitavy, botrabotra, dongadonga, saingona.

GRASSEYEMENT, *sm.* Firaiki-dela.

GRASSEYER, *vn.* Miraiki-dela.

GRASSEYEUR, EUSE, *s.* Raiki-dela.

GRATIFICATION, *sf.* Fanomezana, fankasitrahana, kadó.

GRATIFIER, *va.* Manome.

GRATIS, *adv.* Maimaim-poana.

GRATITUDE, *sf.* Fankasitrahana. Témoigner sa—. Mampiseho *fankasitrahana.*

GRATTELLE, *sf.* Hatim-pisaka.

GRATTER, *va.* 1° Mikiky.— une muraille. *Mikiky* rindrina.— du papier. *Mikiky* taratasy. 2°—, Mihaotra.— le dos à quelqu'un. *Mihaotra* olona. 3°—, Miheby. Les poules grattent la terre. *Miheby* tany ny akoho. || *loc.*— à la porte. Mandondom-baravarana.

Se gratter, *vpr.* Mihaotra, misafosafo, misafo sirana. Le chien se gratte. *Mihaotra* ny alika. Se—la tête. *Mihaotra* loha. Se—l'oreille, le front en signe d'embarras. *Misafosafo, misafo sirana.*

GRATTOIR, *sm.* Zavatra fikikisana.

GRATUIT, ITE, *adj.* 1° Omena maimaim-poana. Enseignement—. Fampianarana *omena maimaim-poana.* 2°—, Tsy misy antony, — fotony.

GRATUITÉ, *sf.* Fanomezana maimaim-poana.

GRATUITEMENT, *adv.* 1° Maimaim-poana. Ce médecin traite —. Mitsabo *maimaim-poana* io dokotera io. 2°—, Tsy misy antony, — fotony. Vous avancez cela—. *Tsy misy antony, tsy misy fotony* no ilazanao izany.

GRAVE, *adj.* 1° Maotona, mendrika. C'est un homme—. Olona *maotona* izy. Il a une démarche—. *Maotona,* etc., ny fandehany. 2°—, Lehibe, be vava, mafy. Affaire—. Raharaha *lehibe, be vava.* Faute—. Fahotana *lehibe,* heloka *be vava.* Maladie—. Aretina *mafy.*

GRAVÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Voasokitra, sokitra, nosokirina. Il est tout — de petite-vérole. *Soki*-nendra izaitsizy, rotiky nynendra izy. 2° *fig.* Tafalatsaka, nalatsaka. Vos bienfaits sont gravés dans mon cœur. *Tafalatsaka* ao am-poko ny soa nataonao.

GRAVELEUX, EUSE, *adj.* 1° Be karaobato madinika. Sol—. Tany *be karaobato madinika.* 2°—, Momba ny fia-

fia, mararin' ny fiafia. Affection graveleuse. *Fiafia.* 3° *fig.* Tsy mety. Conversation graveleuse. Resaka *tsy mety.*

—, *s.* Ny mararin' ny fiafia.

GRAVELLE, *sf.* Fiafia.

GRAVEMENT, *adv.* 1° Amim-pahamaotonana, amim-pahamendrehana. 2° —. Mafy, be, ambany tsihy. Il est—malade. Marary *mafy,* etc., izy, tantazambava izy.

GRAVER, *va.* 1° Misokitra. —son nom sur la pierre. *Misokitra* ny anarany amy ny vato. 2° *fig.* Mandatsaka.

Se graver, *vpr.* 1° Sokirina. 2° *fig.* Alatsaka.

GRAVEUR, *sm.* Mpisokitra.

GRAVIER, *sm.* Karaobato madinika, fasika vaventy.

GRAVIR, *vn.* et *va.* Mananika, mianika. —une montagne. *Mananika, mianika* tendrombohitra.

GRAVITATION, *sf.* Fifanintonana.

GRAVITÉ, *sf.* 1° Havesarana. || *loc.* Le centre de—. Ny afovoany manintona. 2° *fig.* Fahamaotonana, fahamendrehana. 3°—, Halehibe, hamafy.

GRAVITER, *vn.* Sintonina. Les planètes gravitent vers le soleil. Ny planeta *sintonin'* ny masoandro.

GRAVURE, *sf.* 1° Fisokirana. 2°—, Zavatra voasokitra. 3°—, Sary. Marchand de gravures. Mpivarotra *sary.*

GRÉ, *sm.* Sitra-po, danin' ny kibo. Il agit à son—. Manao araka ny *sitra-pony,* etc., izy. Il y est allé de son plein —. Lasa tany araka ny *sitra-pony* indrindra izy. || *loc.* Savoir—. Mankasitraka. Je lui sais — de ce qu'il a fait. *Ankasitrahako* ny nataony.

Bon gré, mal gré, *loc. adv.* Na antsitra-po na an-terisetra, na tiana na tsy tiana.

De gré à gré, *loc. adv.* Amim-pihavanana. C'est un marché fait de—. Fanaikena natao *amim-pihavanana* izany.

Au gré de, Araka, entina. Tout s'est arrangé au — de mes désirs. Vita *araka* ny niriko ny raharaha. Le navire errait au—des flots. *Nentin'* ny onjandrano nivezivezy ny sambo.

GRÈBE, *sm.* Vivy.

GREC, GRECQUE, *adj.* et *s.* Grika.

—, *sm.* Teny grika.

GRECQUE, *sf.* Lagrika.

GREDIN, *sm.* Karin'olona, karin-javatra, olon-tsy vanona.

GRÉEMENT ou **GRÉMENT,** *sm.* Fomban-tsambo. fanomanan—.

GRÉER, *va.* Manoman-tsambo.

GREFFE, *sf.* Rantsan-kazo atsatoka haniry amy ny foto-kazo hafa.

—, *sm.* Trano fitahirizana sy fanoratana ny zavatra sasany momba ny fitsarana.

GREFFER, *va.* Manatsatoka rantsan-kazo mba haniry amy ny foto-kazo hafa.

GREFFIER, *sm.* Mpanoratra ny momba ny fitsarana.

GRÊLE, *adj.* 1° Mitezotezo, miezoezo. Il a des jambes grêles. *Mitezotezo* ny ranjony. Il a une taille—. *Mitezotezo, miezoezo* izy. 2°—, Kely. Il a la voix—. *Kely* feo izy.

GRÊLE, *sf.* 1° Havandra. 2° *fig.* Ils furent assaillis par une — de balles. Vary raraka ny bala nafitsoky ny fahavalo azy ireo. Il fut assailli par une—de pierres. Natao poa-bato, tonta vato izy. Une—de coups. Kapoka mirivirivy.

GRÊLÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Nasian' ny havandra. 2° *fig.* Soki-nendra.

GRÊLER, *v. imp.* Manavandra.

—, *va.* Manimba. L'orage a grêlé ma vigne. *Simban'*ny havandra ny tanim-boaloboko.

GRÊLON, *sm.* Vongan-kavandra.

GRELOT, *sm.* Korintsana, famohamandry.

GRELOTTER, *vn.* Mangovitra, miparaetra, mihovotrovotra, mivihivihy.

GRENADE, *sf.* Voan'ampongabendanitra.

GRENADIER, *sm.* Ampongabendanitra.

GRENADILLE, *sf.* Grenadrelina.

GRENAILLE, *sf.* Metaly mivongambongana madinika.

GRENAILLER , *va.* Mampivongambongana madinika. Comme GRANULER.

GRENELER, *va.* Mandrotsy. — du cuir. *Mandrotsy* hoditra.

GRENER, *vn.* Mamoa. Les blés ont bien grené. *Namoa* tsara ny varimbazaha.

GRÈNETIER, IÈRE, *s.* Mpivaro-boanana.

GRENIER, *sm.* 1° Lava-bary, sompitra. Mes greniers sont pleins. Feno ny *lava-bariko,* ny *sompitro.* 2°—, Rihana ambony indrindra. Mettre de vieux meubles au —. Mametraka fanaka tranainy any amy ny *rihana ambony indrin-*

dra. 3° *fig.* Lava bary. La Sicile est le—de l'Italie. Ny Sicile no *lava-bariny* Italia.

GRENOUILLE, *sf.* Sahona lehibe.

GRENOUILLÈRE, *sf.* Honahona be sahona.

GRENU, UE, *adj.* 1° Be voa. Épi—. Salohim-bary *be voa.* 2°—, Mandrotsirotsy, marokoroko. Cuir—. Hoditra *mandrotsirotsy,* etc.

—, *sm.* Fandrotsirotsy, harokoroko.

GRÈS, *sm.* Vatovary.

GRÈVE, *sf.* Fasika be ao amoron-drano.

GREVÉ, ÉE, *p.* et *adj.* Tery, poritra. La province est grevée d'impôts. *Tery, poritra* amy ny hetra ny vahoaka amin' io fari-tany io.

GREVER, *va.* Manery, mamoritra.

GRIBOUILLAGE, *sm.* Soratra ratsy tarehy, soratry ny mainty, hoso-doko ratsy.

GRIBOUILLER, *va.* et *vn.* Manao soratra ratsy tarehy.

GRIBOUILLEUR, EUSE, *s.* Mpanao soratra ratsy tarehy.

GRIEF, ÈVE, *adj.* Lehibe, be vava, mafy. Faute grièvе. Fahotana *lehibe,* heloka *be vava.*

GRIEF, *sm.* 1° Fatiantoka. Il se plaint de plusieurs griefs qu'il a reçus. Mitaraina amy ny *fatiantoka* maro nahavoa azy izy. 2°—, Anton' ny fitarainana. Exposez vos griefs. Lazao ny *anton' ny fitarainanareo.*

GRIÈVEMENT, *adv.* Mafy. Il est—malade Marary *mafy* izy. Voy. Gravement.

GRIÈVETÉ, *sf.* Halehibiazana.

GRIFFADE, *sf.* Rangotra, fandrangetana.

GRIFFE, *sf.* 1° Hohom-biby, tongotra. La—d'un chat. Ny *hohon*-tsaka. Le poulet est mort entre les griffes du milan. Maty teny amy ny *tongotry* ny papango ny zanak' akoho ‖ *loc.* Donner un coup de—. Mandrangotra; *fig.* manaratsy. 2° —, Sonia. Apposer une—. Manisy *sonia.*

GRIFFER, *va.* 1° Mandrangotra. 2°—, Misambotra. Le milan a griffé le poulet. *Nosamborin'* ny papango ny zanak' akoho.

Se griffer, *vpr.* Mifandrangotra.

GRIFFONNAGE, *sm.* Soratra sarobakina.

GRIFFONNER, *va.* 1° Manao soratra saro-bakina. 2° *fig.* Mpanao soratra zara fa vita.

GRIFFONNEUR, *sm.* 1° Mpanao soratra saro-bakina. 2° *fig.* Mpanao soratra zara fa vita.

GRIGNOTER, *vn.* Milalao hanina. Cet enfant ne fait que—. *Milalao hanina* fotsiny io zaza kely io.

—, *va.* Mililao hanina. Il grignote un morceau de pain. *Milalao* mofo izy.

GRIL, *sm.* Makarakara vy fitonoan-kena.

GRILLADE, *sf.* 1° Fitonoana, fanatsatsihana. 2°—, Tonon-kena.

GRILLAGE, *sm.* Harato vy.

GRILLE, *sf.* Makarakara vy, makarakara hazo.

GRILLÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Voatono, natono, voatsatsika, natsatsika, voatsikanina, natsikanina. Viande grillée. Hena *voatono,* etc. 2°—, May, maina, malazo, nolazoina. 3°—, Misy makarakara vy, misy makarakara hazo. Fenêtre grillée. Varavaran-kely *misy makarakara vy,* etc.

GRILLER, *va.* 1° Mitono, manatsatsika, manatsikanina. —des cuisses de dindon. *Mitono,* etc., fem-borontsiloza. 2°—, Mahamay, mahamaina, mahalazo. Le feu m'a grillé les jambes. *Main'* ny afo ny ranjoko. Le soleil grille les plantes. *Mahamaina, mahalazo* ny zava-maniry ny hainandro. 3°—, Manisy makarakara vy, — makarakara hazo.

—, *vn.* May. Il grille de sortir. *May* tehivoaka izy.

Se griller, *vpr.* May, mihamaina, mihamalazo.

GRILLON, *sm.* Angely. Le cri du —. Ny fikiririoky ny *angely.* Le cri du — qui va se battre. Ny fivolan' ny *angely* hiady. Exciter le — au combat. Mikitra *angely* mba hiady.

GRIMAÇANT, ANTE, *adj.* 1° Manao tarehy ratsy. Visage—. Tarehy *ratsy.* 2° *fig.* Mioritroritra. Robe grimaçante. Robo *mioritroritra.*

GRIMACE, *sf.* 1° Tarehy ratsy. Faire des grimaces. Manao *tarehy ratsy.* 2° *fig.* Fihatsarambelatsihy. Ses politesses ne sont que des grimaces. Ny fanajana ataony dia *fihatsarambelatsihy* fotsiny hiany. 3° —, Fioritroritra.

GRIMACER, *vn.* 1° Manao tarehy ratsy. 2° *fig.* Mioritroritra.

GRIMACIER, IÈRE, *adj.* et *s.* 1° Mpanao tarehy ratsy. 2° *fig.* Mpiangolangola, mpiangotingoty, mpihatsaravelatsihy. Cette femme est grimacière. *Mpiangolangola, mpiangotingoty* io vehivavy io.

GRIMPANT, ANTE, *adj.* Mananika,

mandadina. Liane grimpante. Vahy *mananika*, etc.
GRIMPER, *vn*. Mananika, mianika, mandadina. — au haut d'un arbre. *Mananika, mianika* any an-tampon' ny hazo.
GRINCEMENT, *sm*. Fikitroha-nify.
GRINCER, *va*. Manakitroka. — les dents. *Manakitro*-nify.
—, *vn*. 1° Mikitroka. — des dents. *Mikitro*-nify. 2° —, Midridridridry. La porte grince. *Midridridridry* ny varavarana.
GRINCHEUX, EUSE, *adj*. Kitokitoina.
GRIPPE, *sf*. 1° Fofoka. Il a la —. Azon' ny *fofoka* izy. 2° —, Fankahalana. Prendre quelqu'un en —. *Mankahala* olona.
GRIPPÉ, ÉE, *p*. et *adj*. 1° Azon'ny fofoka. 2° —, Voasambotra, nosamborina. 3° —. Nangalarina.
GRIPPER, *va*. 1° Misambotra. Le chat a grippé la souris. *Nisambotra* ny totozy ny saka. 2° —, Mangalatra. On m'a grippé mon argent. Nisy *nangalatra* ny volako.
Se gripper, *vpr*. Mioritroritra. Cette étoffe se grippe. *Mioritroritra* izany lamba izany.
GRIPPE-SOU, *sm*. Olona tia kely.
GRIS, ISE, *adj*. 1° Grio, mavo, maty sasaka, fotsy sasaka. Drap —. Lopótra grio. Cheval —. Soavaly *mavo*. Barbe grise. Volom-bava *maty sasaka, fotsy sasaka*. 2° *fig*. Être —. Varivary.
—, *sm*. Loko mavomavo.
GRISÂTRE, *adj*. Somary mavomavo, matroka, vasoka.
GRISER, *va*. Mampahavarivary, mahavarivary, mankaleo. Qui l'a grisé ? Iza no *nampahavarivary* azy ? Un verre de vin le grise. Divay eran' ny gilasy *mahavarivary* azy. Le tabac me grise. *Mankaleo* ahy ny paraky.
Se griser, *vpr*. Mihavarivary.
GRISON, ONNE, *adj*. et *s*. 1° Maty sasaka, fotsy sasaka. 2°—, Ampondra.
GRISONNANT, ANTE, *adj*. Maty sasaka, fotsy sasaka, mihafotsy volo.
GRISONNER, *vn*. Maty sasaka, fotsy sasaka, mihafotsy volo. Il commence à —. *Maty sasaka, fotsy sasaka* sahady ny volony, *mihafotsy volo* sahady izy.
GRISOU, *sm*. Gazy mora mirehitra ao amy ny lavaka fihadiana arin-tany.
GRIVE, *sf*. Karazan-tsikorovana.
GRIVOIS, OISE, *s*. et *adj*. 1° Mavitrika, mailamailaka, sahy. 2°—, Tsy mety. Chanson grivoise. Tonon-kira *tsy mety*.
GROGNARD, ARDE, *adj*. et *s*. Mpimonomonona, mpimonjomonjo, mpimoimoy, mpingonongonona.
GROGNEMENT, *sm*. 1° Trontróna. 2° *fig*. Fimonomonona, fimonjomonjo, fimoimoy, fingonongonona.
GROGNER, *vn*. 1° Mitrontróna. 2° *fig*. Mimonomonona, mimonjomonjo, mimoimoy, mingonongonona.
GROGNEUR, EUSE, *adj*. et *s*. Comme Grognard.
GROGNON, *adj*. et *s*. Mpimonomonona, mpimonjomonjo, mpimoimoy, mpingonongonona, kitokitoina, mpandevilevy, mpitrerontrerona, mpirehodrehoka.
GROIN, *sm*. Vavan-kisoa.
GROMMELER, *vn*. Mimonomonona, mimonjomonjo, mimoimoy, mingonongonona.
GRONDEMENT, *sm*. Firohondrohona, fibobobobo.
GRONDER, *vn*. 1° Mimonomonona, mimonjomonjo, mimoimoy, mingonongonona, manerona, mierona. Mon chien se mit à—. *Nanerona, nierona* ny alikako. 2°—, Mirohondrohona, mibobobobo. Le tonnerre gronde. *Mirohondrohona* ny kotro-baratra. Le vent gronde dans la cheminée. *Mibobobobo* ao anaty lafaoro ny rivotra.
—, *va*. Mandevilevy, manerona, mitrerontrerona, mirehodrehoka. Il gronde sans cesse ses enfants. *Mandevilevy* ny zanany lalandava izy. *manerona, mitrerontrerona, mirehodrehoka* lalandava amy ny zanany izy.
GRONDERIE, *sf*. Levilevy, fandevilevena, fitrerontreronana, firehodrehofana.
GROS, GROSSE, *adj*. 1° Be vatana, lehibe, vaventy.— homme. Olona *be vatana*. Grosse jambe. Ranjo *lehibe*. Il a de— yeux. *Be* maso izy. Les rats sont plus — que les souris. *Lehibe* kokoa noho ny totozy ny voalavo. Les—poissons mangent les petits. Ny hazandrano *lehibe* homana ny kely. Grosses lettres. Soratra *vaventy*. 2°—, Mivonto, bongo, nison trotra. Il a la joue grosse d'une fluxion. *Mivonto* ny takolany. Il a les yeux—de larmes. *Bongo* azon' ny mitomany ny masony. La rivière est grosse. *Nisondrotra* ny renirano. 3°—, Bakatraka, vaventy, matevim-be. Grosse étoffe. Lamba *bakatraka*, etc. —souliers. Kiraro *matevimbe*. 4° *fig*. Lehibe, maty. Un—bourg. Vo-

hitra *lehibe*. Un — péché. Fahotana *lehibe*. — rhume. Kohaka *mafy*. 5°—, Manan-karena. Un — marchand. Mpivarotra *manan-karena*. ‖ *loc*. Le temps est —. Ratsy ny andro. La mer est grosse. Misamboaravoara ny ranomasina. Il a le cœur —. Vonton'ny alahelo ny fony. — mot. Voy. Mot.

—, *adj. f*. Be vohoka. Comme. Enceinte.

—, *sm*. 1° Ankamaroany, ankabiazany. Le — de l'armée est arrivée à Tamatave. Tonga any Toamasina ny *ankamaroany*, etc., ny miaramila. 2°—, Ventimbentiny, ny ankapobe, ny ambangovangony. Il est chargé du — des affaires. Mitondra ny *ventimbentiny*, etc., ny raharaha samihafa izy. Le — de cet ouvrage est passable. Antonintoniny io boky io raha *ny ankapobeny* no heverina. 3°—, Soratra vaventy. Écrire en—. Manao *soratra vaventy*.

Gros, *adv*. Be. Gagner—. Mahazo *be*.

En gros, *loc. adv*. 1° Am-bentimbentiny, ankapobe, ambangovangony. Je vous raconterai cette histoire en —. Holazaiko aminao ny *ventimbentiny*, ny *ankapobe*, ny *ambangovangon'* izany tantara izany. 2°—, Ambongady. Vendre en —. *Mamongady*. Acheter en —. *Mamongady*, mandafy.

GROSEILLE, *sf*. Voan-kazo madinika misy salohy, grozaily.

GROSEILLIER, *sm*. Foto-grozaily.

GROSSE, *sf*. 1° Roa amby ny folo dozenina. J'ai acheté une — de boutons. Nividy bokotra *roa amby ny folo dozenina* aho. 2°—, Soratra vaventy.

GROSSESSE, *sf*. Toetry ny bevohoka.

GROSSEUR, *sf*. 1° Habe, halehibiazana. Cet arbre est de la — de mon corps. Hoatra ny vatako ny *habe*, ny *halehibiazan'* io hazo io. 2°—, Mivonto. Il a une — à la joue. Misy *mivonto* amy ny takolany.

GROSSIER, IÈRE, *adj*. 1° Bakatraka, matevina, tsy tsara loatra. Ce drap est bien—. *Bakatra*-be, *matevim*-be io lopótra io. Nourriture grossière. Hanina *tsy tsara loatra*. Travail —. Asa *tsy tsara loatra*. 2° *fig*. Tsy hendry loatra, tsy mahalala fomba, tsy mety. C'est un peuple—. Firenena *tsy hendry loatra* izany. Garçon—. Zazalahy *tsy mahalala fomba*. Il tient des propos grossiers. Manao resaka *tsy mety* izy. 3°—, Lehibe, ambangovangony. C'est une erreur grossière. Hadisoan-kevitra *lehibe* izany. Il n'a de cela qu'une idée grossière. Tsy mahalala afa-tsy ny *ambangovangon'* izany izy.

GROSSIÈREMENT, *adv*. 1° Tsy tsara loatra. Il est — vêtu. *Tsy* mitondra fitafiana *tsara loatra* izy. 2° *fig*. Tsy amim-panajana, tsy araka ny mety. Il m'a répondu —. Namaly ahy *tsy amim-panajana* izy. 3°—, Lehibe, ambangovangony. Il se trompe—. Diso hevitra *lehibe* izy. Il a raconté — le fait. Nitantara *ny ambangovangon'* izany izy.

GROSSIÈRETÉ, *sf*. 1° Habakatraka. 2° *fig*. Tsy fahalalana fomba, tsy fanajana, teny tsy mety. 3°—, Habe, halehibiazana.

GROSSIR, *va*. Mahalehibe, mampitombo, mampisondrotra. Il a pris un habit qui le grossit. Manao akanjo *mahalehibe* azy izy. Les pluies ont grossi la rivière. Ny ranonorana *nampitombo, nampisondrotra* ny renirano. Ce verre grossit les objets. Io fitaratra io *mahalehibe, mampitombo* ny zavatra jerena. Il cherche à grossir mes torts. Mitady *hampitombo* ny hadisoako izy.

—, *vn*. Mihalehibe, mitombo, misondrotra. Les fruits grossissent. *Mihalehibe, mitombo* ny voan-kazo.

Se grossir, *vpr*. Mitombo.

GROSSISSANT, ANTE, *adj*. Mampitombo. Verre—. Fitaratra *mampitombo*.

GROSSISSEMENT, *sm*. Fampitomboana, fitomboana.

GROTESQUE, *adj*. Mampihomehy, mahatsikaiky, hafahafa. Figure—. Tarehy *mampihomehy*, etc. Cet homme est —. *Mampihomehy*, etc., io lehilahy io.

GROTESQUEMENT, *adv*. Mampihomehy, mahatsikaiky, hafahafa. Il danse —. Manao dihy *mampihomehy*, etc., izy.

GROTTE, *sf*. Lava-bato.

GROUILLANT, ANTE, *adj*. 1° Mihetsiketsika. 2°—, Mikoraraika. 3°—, Mihahohaho.

GROUILLEMENT, *sm*. 1° Fihetsiketsika. 2°—, Fikoraraika. 3°—, Fihahohaho.

GROUILLER, *vn*. 1° Mihetsiketsika. Qu'est-ce qui grouille là-dedans? Inona izato *mihetsiketsika* ato anatiny? 2°—, Mikoraraika. Les intestins lui grouillent. *Mikoraraika* ny kibony. 3°—, Mihahohaho. Ce fromage grouille de vers. *Mihahohaho* ny olitra amin' io fromazy io.

GROUPE, *sm.* Olona mivory, zavatra maro mitambatra. Un — de cinq personnes. *Olona* dimy *mivory.* Un — d'iles. Nosy *maro mitambatra.*

GROUPER, *va.* Manakambana, manambatra. Ce peintre a bien groupé ces figures. Io mpanoso-doko io nahay *nanakambana, nanambatra* ireo sarin'olona maro ireo. Groupez tous les mots analogues. *Akambano, atambaro* avokoa ny teny mitovy.

Se grouper, *vpr.* Mivory, mitangorona. Les enfants se groupèrent autour de lui. Ny ankizy madinika *nivory, nitangorona* manodidina azy.

GRUE, *sf.* 1° Karazam-borona makadiry. 2° —, Foza fampakaran-javatra mavesatra.

GRUGER, *va.* 1° Mitsakotsako, mikepoka. — du sucre. *Mitsakotsako, mikepoka* siramamy. 2° *fig.* Mikapa, mijijy. — quelqu'un. *Mikapa, mijijy* olona.

GRUMEAU, *sm.* Vongana. Ce lait s'est mis tout en grumeaux. *Nivongambongana* avokoa ity ronono.

GRUMELER (SE), *vpr.* Mivongambongana.

GRUMEUX, EUSE, *adj.* Mivongambongana. Sang —. Ra *mivongambongana.*

GUÉ, *sm.* Fitána azo robohina, firobohana. Je cherche un —. Mitady *fitana azo robohina* aho. Passer la rivière à —. Mita rano *miroboka.*

GUÉABLE, *adj.* Azo robohina. La rivière est — en cet endroit. *Azo robohina* ny renirano eo.

GUENILLE, *sf.* Voro-damba, voro-kitsay. Cet homme ne porte que des guenilles. *Voro-damba,* etc., fotsiny no itafian' io lehilahy io.

GUENON, *sf.* Rajakovavy.

GUÊPE, *sf.* Takolapanenitra.

GUÊPIER, *sm.* 1° Tranon-takolapanenitra. 2° *fig.* Fivorian' ny olona ratsy fo, raharaha sarotra. Il est tombé dans un —. Tafalatsaka tao afovoan' ny *olona ratsy fo* izy. Il eut beaucoup de peine à sortir de ce —. Sahirana mafy izy tamy ny nitsoahany tamin' izany *raharaha sarotra* izany.

GUÈRE, *adv.* Tsy be loatra, tsy ela loatra. Il n'a — d'argent. *Tsy* manam-bola *be loatra* izy. La paix ne dura —. *Tsy* naharitra *ela loatra* ny fihavanana. Vous ne venez — nous voir. *Tsy* mamangy anay *loatra* hianao.

GUÉRET, *sm.* Tany voasa, tany voabevo.

GUÉRI, IE, *p.* et *adj.* 1° Sitrana, nositranina, nanaritra. 2° *fig.* Afaka. Il est — de sa passion pour le jeu. *Afaka* amy ny fitiavan-dalao loatra izy.

GUÉRIDON, *sm.* Latabatra boribory tokan-tongotra.

GUÉRIR, *va.* 1° Manasitrana, mampanaritra. Le médecin l'a guéri. Ny dokotera no *nahasitrana, nampanaritra* azy. 2° *fig.* Manafaka. On l'a guéri de l'erreur où il était. Nisy *nanafaka* azy tamin' izany hevi-diso izany.

—, *vn.* Manaritra. J'espère — bientôt. Manantena *hanaritra* faingana aho. Sa blessure guérit. *Manaritra* ny feriny.

Se guérir, *vpr.* 1° Sitrana, manaritra. Guérissez-vous. *Sitrána, manareta* soa aman-tsara. 2° *fig.* Afaka.

GUÉRISON, *sf.* Fahasitranana, fanaretana.

GUÉRISSABLE, *adj.* Azo sitranina.

GUÉRITE, *sf.* Trano kely fialofan' ny mpiambina.

GUERRE, *sf.* 1° Ady, fanafihana. La — est un fléau. Loza ny *ady.* — civile. *Ady* an-trano. Petite —. *Ady* madinika, sarin' *ady.* Porter la — dans un pays. *Manafika.* Aller à la —. *Miantafika.* 2° —, Tetik' ady. Il a le génie de la —. Mahay *tetik' ady* fatratra izy. 3° *fig.* Ady, fanoherana, fandevilevena, famelezana. Il est en — avec ses voisins. *Miady* amin' izay mifanolo-bodirindrina aminy izy. Il faut faire la — à ses passions. Tokony *hiadiana, holoherina* ny filan-dratsy. Faites-lui un peu la —. *Levilevео* kely izy. Le loup fait la — aux brebis. *Mamely* ny ondry ny amboadia.

GUERRIER, IÈRE, *adj.* 1° Momba ny ady. Chant —. Hira *momba ny ady.* 2° —, Mahery an'ady, tia ady. Nation guerrière. Firenena *mahery an'ady,* etc.

—, *s.* 1° Mpahery an' ady. C'est un grand —. *Mpahery an'ady* malaza izy. 2° —, Miaramila.

GUERROYER, *vn.* Miadiady. Les seigneurs guerroyaient entre eux. *Niadiady* ny andrian-tompomenakely.

GUET, *sm.* 1° Fitsikiloana, fitiliana, fihendrena. Il est au —. *Mitsikilo, mitily* izy. 2° —, Fiambenana. J'ai fait le — pendant une semaine. *Niambina* nandritra ny herinandro aho. 3° —, Mpiambina. Le — vient de passer. Vao nandalo teo ny *mpiambina.*

GUET-APENS, *sm.* 1° Fanaovana otrika. On l'a tué de —. Maty *nanaovan'* ny sasany *otrika* izy. 2° *fig.* Fifofoana.

GUÊTRE, *sf.* Gety.

GUÊTRER, *va.* Manisy gety.

Se guêtrer, *vpr.* Mamotaka gety amy ny tenany.

GUETTER, *va.* 1° Mitsikilo, mitily, mihendry. Le chat guette la souris. *Mitsikilo,* etc., ny totozy ny saka. 2°—, Miandry. —un ami. *Miandry* sakaiza.

Se guetter, *vpr.* Mifampitsikilo, mifampitily, mifampihendry.

GUEULARD, ARDE, *s.* Mpivavavava, mpimentsomentsona, mpitatatata, mpimenomenona.

GUEULE, *sf.* 1° Vavam-biby. La —d'un caïman. Ny *vavan'*ny mamba. 2°—. Vava. La — d'un canon. Ny *vavan*-tafondro.

GUEULER, *vn.* Mivavavava, mimentsomentsona, mitatatata, mimenomenona.

GUEUSE, *sf.* Fon'am-by.

GUEUX, EUSE, *adj.* et *s.* 1° Mahantra, mpangataka. 2°—, Karin' olona, karinjavatra.

GUICHET, *sm.* Varavaran-kely amy ny varavaram-be.

GUICHETIER, *sm.* Mpiandry vavahady ao amy ny tranomaizina.

GUIDE, *sm.* 1° Mpitari-dálana. Voilà un— sûr. Indro *mpitari-dálana* mahatoky. 2° *fig* Mpitari-dálana, mpitarika, mpanoro. Il n'est de meilleur — qu'une mère. Tsy misy *mpitari-dálana* tsara noho ny reny. Il prit la sagesse pour—. Nifidy ny fahendrena ho *mpitari-dálana* azy izy. Ce livre est un bon— pour les commençants. *Manoro* tsara izay vao manomboka io boky io.

GUIDE, *sf.* Kofehin-damboridy lava amy ny soavaly mpitarika kalesy.

GUIDER, *va.* 1° Mitari-dálana. Une étoile guida les Mages. Nisy kintana *nitari-dálana* ny Majy. 2°—, Ahafantaran-dálana. La clarté de la lune les guidait. Ny diavolana no *nahafantaran'*izy ireo *ny lálana.* 3° *fig.* Mitari-dálana, mitarika, mitondra, manoro. Le cheval obéit à la main qui le guide. Manaiky izay *mitarika, mitondra* azy ny soavaly. L'ambition le guide. Ny fitsiriritam-boninahitra no *mitarika* azy.

GUIDON, *sm.* Faneva.

GUIGNER, *vn.* Mangala-pijery.

—, *va.* 1° Mangala-pijery. Il guigne le jeu des voisins. *Mangala-pijery* ny vaton'ny sasany izy. 2° *fig.* Mikendry. Il guigne cette place. *Mikendry* izany raharaha izany izy.

GUIGNON, *sm.* Tsy fanambinana. Il a du —. *Tsy ambinina* izy.

GUILLAUME, *sm.* Gemo.

GUILLEMET, *sm.* Gilomé.

GUILLOTINE, *sf.* Milina fanapahandoha.

GUILLOTINER, *va.* Manapa-doha.

GUIMAUVE, *sf.* Fiandrilavenom-bazaha.

GUIMBARDE, *sf.* Lokanga vava.

GUINDÉ, ÉE, *adj.* Miangeso, miangolangola, miangentsana, jenitra. Style —. Laha-teny *miangesongeso, miangolangola, miangentsangentsana.* Cet homme est —. *Miangesongeso, jenitra* io lehilahy io.

GUINDER, *va.* Mampiangeso, mampiangola, mampiangentsana.

Se guinder, *vpr.* Miangesongeso, jenitra.

GUINGUETTE, *sf.* Trano fivarotantoaka.

GUIRLANDE, *sf.* Tanjo-miolaka atao amy ny voninkazo sy ny ravin-kazo. Voy. FESTON.

GUISE, *sf.* Sitra-po. Il a fait la chose à sa —. Nanao izany araka ny *sitra-pony* izy.

En guise de, *loc. prép.* Solo. Il prend des feuilles de *Voafotsy* en — de thé. Ny ravim-boafotsy no ataony *solondité.*

GUITARE, *sf.* Lagitara.

GUTTURAL, ALE, *adj.* 1° Amy ny tenda. 2°—, Tononina an-tenda.

—, *sf.* Litera tononina an-tenda.

GYMNASE, *sm.* Tokotany fianarana ny asa tena mampahatanjaka.

GYMNASTIQUE, *sf.* Asa tena mampahatanjaka.

GYPSE, *sm.* Vatosanga.

GYRIN, *sm.* Fandiorano.

H

*L'astérisque * placé devant la lettre* **H** *indique l'aspiration.*

Ny **H** *misy kintana * dia tononina antenda.*

HABILE, *adj.* 1° Kinga, havanambanana, mahay, hendry. Un — ouvrier. Mpiasa *kinga, havanambanana, mahay.* 2°—, Mahazo. Il est — à succéder. *Mahazo* mandova izy.

HABILEMENT, *adv.* Amin kakingana, amim-pahaizana, amim-pahendrena.

HABILETÉ, *sf.* Hakingana, fahaizana, fahendrena. Il a déployé beaucoup d'— dans cette affaire. Nampiseho *fahendrena* lehibe tamin' izany raharaha izany izy.

HABILITÉ, *sf.* Fahazoana.

HABILLEMENT, *sm.* Fitafiana. Il est chargé de l' — des troupes. Miantoka ny *fitafian'* ny miaramila izy.

HABILLER, *va.* 1° Mampiakanjo. Il habille son enfant. *Mampiakanjo* ny zanany izy. 2°—, Manafy, manao akanjo. Il habille ses domestiques. *Manafy* ny mpanompony izy. Ce tailleur m'habille *Manao* ny *akanjoko* io mpanjaitra io. 3°—, Antoniny. Ce vêtement l'habille bien. *Antoniny* azy tsara izany akanjo izany. 4°—, Mamefy, manarona. Habillez cet arbre de ronces. *Fefeo* tsilo io hazo io. — un conte. *Manarontsarona* tantara.

S'habiller, *vpr.* Miakanjo. S'— à l'européenne. Mitena *akanjo.*

HABIT, *sm.* Akanjo. — de deuil. *Akanjo* fisaonana. Prendre l'—. Miakanjo ny *akanjon*-drelijiozy. Cet habit est bien fait. Vita tsara io *akanjo* io.

HABITABLE, *adj.* Azo onenana, azo itoerana. Ce pays n'est pas —. Tsy *azo onenana* ity tany ity. Cette maison n'est pas —. Tsy *azo itoerana* ity trano ity.

HABITANT, ANTE, *s.* Mponina. Les habitants de la campagne. Ny *mponina* any ambanivohitra. Les habitants de la ville. Ny *mponina* any an-tanána.

HABITATION, *sf.* Fonenana, fitoerana, trano. Cette—est malsaine. Mahafarofy ity *fonenana* ity. On lui a donné cette maison pour—. Nomena *hitoerany* io trano io. Il n'a point d'—. Tsy manan-*trano* izy.

HABITER, *va.* et *vn.* Monina, mitoetra. Où habitez-vous? Aiza hianao no *monina, mitoetra?* Il habite une maison magnifique. *Mitoetra* amy ny trano mahafinaritra izy.

HABITUDE, *sf.* Fahazarana, fanao, fan..., fi..., fa.... Bonne—. *Fahazarana* tsara. Mauvaise —. *Fahazaran*-dratsy. C'est son péché d'—. Fahotana *mahazatra* azy, *fanaony* izany. Il a l'— de mentir. *Zatra* mandainga, *fan*dainga, mpandainga izy. Il a l'— de boire. *Zatra* misotro, mpisotro izy. Il a l'— de voler. *Zatra* mangalatra, *fan*galarina izy. Ce sont les poulets qu'il a l'— de voler. Ny akoho no *fan*galany. Voilà ce qu'il a l'— de boire. Izany no *fi*sotrony. Où l'on a l'— d'aller. *Fa*leha.

HABITUÉ, ÉE, *adj.* et *s.* Zatra, tamana, mpan..., mpi.... Il est — dans ce pays. *Zatra, tamana* amin' ity tany ity izy. C'est un—de la maison. *Zatra* amin' ity trano ity, *mpan*katy izy.

HABITUEL, ELLE, *adj.* Mahazatra, fanao. C'est son péché —. Fahotana *mahazatra* azy, *fanaony* izany.

HABITUELLEMENT, *adv.* Matetika, mpan..., mpi..., fan..., fi..., fa.... Il s'enivre —. Mamo *matetika, mpi*mamo izy.

HABITUER, *va.* Manazatra, mahatamana. — un enfant à l'obéissance. *Manazatra* zaza kely mba hanaiky.

S'habituer, *vpr.* Mihazatra, mihatamana. Il s'habitue au travail. *Mihazatra* amy ny asa izy. Il s'est habitué au pays. *Nihazatra*, etc., tamin' ity tany ity izy.

***HÂBLER,** *vn.* Mahery am-bava, basivava, mirehaka.

***HÂBLERIE,** *sf.* Herim-bava, habasiam-bava, firehaka.

***HÂBLEUR, EUSE,** *s.* Mahery ambava, basivava, mpirehaka.

***HACHE,** *sf.* 1° Famaky. 2° *fig.* Cet ou-

vrage est fait à coups de —. Natàotao foana izany asa izany.

***HACHER**, *va.* 1° Mitetitetika, mikapakapa. — de la viande. *Mitetitetika*, etc., hena. 2°—, Manao ratsy didy. Il a haché ce poulet. *Nataony ratsy didy* io akoho io. 3°—, Manamontsana. La grêle a haché la vigne. *Nomontsanin'* ny havandra ny voaloboka. 4° *fig.* Les soldats se firent —. Nilofo fatratra ny miaramila ka nataon' ny fahavalo montsana. Je me ferais — en pièces plutôt que de céder. Aleoko tetitetehina, montsamontsanina, motimotehina toy izay manaiky.

***HACHETTE**, *sf.* Famaky kely.

***HACHIS**, *sm.* Teti-kena.

***HACHOIR**, *sm.* Akalana fitetehan-kena, antsibe.

***HAGARD, ARDE**, *adj.* Mihaolohaolo, haolohaolo, kaodikaody. Il a l'œil —. *Mihaolohaolo* maso izy. Il a le visage —. *Haolohaolo, kaodikaody* endrika izy.

HAGIOGRAPHE, *sm.* Mpanao tantaran' ny Olo-masina.

***HAIE**, *sf.* 1° Fefy. — vive. Zava-maniry atao *fefy*. 2° *fig.* Les soldats faisaient la —. Nilahatra ny miaramila avy ao andaniny roa.

***HAILLON**, *sm.* Voro-damba, voro-kitsay. Il est couvert de haillons. Misingo-*boro-damba* izy, *voro-kitsay* no itafiany.

***HAINE**, *sf.* Fankahalana, halavolo. L'Evangile défend d'avoir de la — pour le prochain. Ny Evanjely mandrara mba tsy *hankahala* ny namana, mba tsy hanao *halavolo* amy ny namana. Il lui inspira la — du mensonge. *Nampankahala* azy ny lainga izy.

En haine de, *loc. prép.* Noho ny fankahalana, noho ny halavolo.

***HAINEUX, EUSE**, *adj.* Mankahala, tsy tia mainty, manao halavolo.

***HAÏR**, *va.* 1° Mankahala, tsy tia mainty, manao halavolo. Tout le monde le hait. *Mankahala* azy, *tsy tia mainty* azy, *manao halavolo* aminy ny olon-drehetra. 2°—, Tsy tia. Je hais la guerre. *Tsy tia* ady aho.

Se haïr, *vpr.* Mifankahala, mifanao halavolo.

***HAIRE**, *sf.* Akanjo malailay.

***HAÏSSABLE**, *adj.* Tokony ho hala, tokony hankahalaina.

***HALAGE**, *sm.* Fitarihan-dakana na sambo. Chevaux de —. Soavaly *mpitari-tsambo*. Chemin de —. Lálana aleha n' ny soavaly *mpitari-tsambo*.

***HÂLE**, *sm.* Hainandro. Le — fane les herbes. Ny *hainandro* mandazo ny ahitra.

***HÂLÉ, ÉE**, *adj.* Mivaloarika, mivalomainty. Visage —. Tarehy *mivaloarika*, etc.

HALEINE, *sf.* Aina, fofon' aina. Prendre —. *Miaina*, maka *aina*. Reprendre —. Maka *aina*. Il se réchauffe les doigts avec son —. Mamana ny rantsan-tánany amy ny *fofon' ainy* izy. Retenir son —. Tsy *miaina*, mihazona *fofon' aina*. ‖ *loc.* Il a l'— puante. Maimbo vava izy. Il a l'— vineuse. Maimbo divay izy. Il est hors d'—. Sempotra izy. Avoir l'— courte. Miehakehaka. L'— du zéphyr. Ny tsiotsiodrivotra. Tenir un cheval en —. Mampiasa soavaly. Tenir les soldats en —. Mampanao asa basy ny miaramila. Faire des discours à perte d'—. Manao laha-teny misy antsanga tsy aman'orana. J'ai écrit quatre lettres tout d'une —. Nanoratra taratasy ampitondraina efatra tsy nianina aho. Ouvrage de longue —. Lahasa lava.

***HALENÉE**, *sf.* Fofon' aina. Il m'a donné une — de vin. *Nofofonany* divay aho.

***HALER**, *va.* Mitarika. — un cordage. *Mitarika* mahazaka.

***HÂLER**, *va.* Mampivaloarika, mampivalomainty.

Se hâler, *vpr.* Mivaloarika, mivalomainty.

***HALETANT, ANTE**, *adj.* Sempotra, misanehaka, miehakehaka, misefosefo, miemponempona.

***HALETER**, *vn.* Misanehaka, miehakehaka, misefosefo, miemponempona.

***HALEUR, EUSE**, *sm.* Mpitari-dakana na sambo.

***HALLE**, *sf.* Tsena lehibe misy trano heva.

***HALLEBARDE**, *sf.* Kalaza lavà zarana.

***HALLIER**, *sm.* Hery milobolobo.

HALLUCINATION, *sf.* Hadisoan-kevitry ny olona izay manao azy ho mahita na mahare zavatra kanjo tsy misy izany.

HALLUCINÉ, ÉE, *adj.* et *s.* Diso hevitra.

HALLUCINER, *va.* Mahadiso hevitra.

S'halluciner, *vpr.* Diso hevitra.

***HALO,** *sm.* Fari-bolana. Il y a un — autour de la lune. Misy *fari-bolana* manodidina ny volana, latsaka an-tamboho. marary ny volana. Il y a un — autour du soleil. *Latsaka an-tamboho, marary* ny masoandro.

***HALTE,** *sf.* Fijanonana, fianinana, fiatoana.

—, *int.* Mijanóna ! halotra !

***HAMAC,** *sm.* Fandriana mihantona.

***HAMEAU,** *sm.* Vohitra madinika.

HAMEÇON, *sm.* 1° Fintana. 2° *fig.* Fitaka. Il a mordu à l'—. *Voafitaka,* voasodóka izy.

***HAMPE,** *sf.* Zarana, tahony. La—d'une lance. Ny *zaran*-defona. La — d'un drapeau. Ny *tahon*-tsaina.

***HANCHE,** *sf.* Moja.

***HANGAR,** *sm.* Trano heva.

***HANNETON,** *sm.* Voangory.

***HANTER,** *va.* Miaraka matetika, mankany matetika. Dis-moi qui tu hantes, et je te dirai qui tu es. Lazao ahy izay *iarahanao matetika,* ary holazaiko anao ny toetrao.— les foires. *Mankany* antsena *matetika.*

***HAPPER,** *va.* 1° Mandrapaka. Le chien happa le morceau de viande. *Narapaky* ny alika ny hena. 2° *fig.* Misambotra tampoka. Les gendarmes l'ont happé. *Voasambotry* ny polisy *tampoka* izy.

***HAQUENÉE,** *sf.* Soavaly salasala.

***HARANGUE,** *sf.* Laha-teny, kabary.

***HARANGUER,** *va.* et *vn.* Mandahateny, mikabary, manome toky. Il harangua le peuple. *Nandaha-teny, nikabary* tamy ny vahoaka izy. Il harangua les soldats. *Nikabary* tamy ny miaramila izy. Il harangua le roi. *Nanome toky* ny mpanjaka izy.

—, *vn.* Mikabary lavareny.

***HARANGUEUR,** *sm.* 1° Mpandahateny, mpikabary, mpanome toky. 2°—, Mpanao kabary lavareny.

***HARAS,** *sm.* Trano fiompian-tsoavaly alain-taranaka.

***HARASSÉ, ÉE,** *adj.* Trotraka.

***HARASSER,** *va.* Mahatrotraka.

Se harasser, *vpr.* Trotraka.

***HARCELER,** *va.* Mamely matetika. Les troupes harcelaient l'ennemi dans sa marche. Ny miaramila *namely matetika* ny fahavalo teny am-pandehanana.

Se harceler, *vpr.* Mifamely matetika.

***HARDES,** *sf. pl.* Fitafiana. De vieilles —. *Fitafiana* tranainy.

***HARDI, IE,** *adj.* 1° Sahy. Il est— comme un lion. *Sahy* hoatra ny liona izy. C'est un— joueur. Mpiloka *sahy* izy. C'est un— menteur. Mpandainga *sahy* loatra izy. C'est une action hardie. Natao amin-*kasahiana* izany. 2°—, Kinga, hafahafa, mahagaga, kanto. Il a une écriture hardie. *Kinga* fanoratra izy. Il a un style—. *Kinga* fandaha-teny izy. C'est une opinion hardie. Hevitra *hafahafa* izany. C'est un clocher—. Tranon-dakolosy *mahagaga, kanto* izany.

***HARDIESSE,** *sf.* 1° Hasahiana. Il manque de —. Tsy *sahy* izy. Il me déplaît par sa —. Maha·likidiky ahy ny *hasahiany.* Cette réponse est d'une grande—. Misy *hasahisahiana* loatra izany valin-teny izany. 2°—, Hakingana, hahafahafa, hakanto. Il y a de la — dans ces tableaux. Mampiseho *hakingana* ireo sary ireo.

***HARDIMENT,** *adv.* 1° Amin-kasahiana. Il parle—. Miteny *amin-kasahiana* izy. 2°—, Tsotra. Dites-lui—que je n'y consens pas. Lazao azy *tsotra* fa tsy ekeko izany.

***HARENG,** *sm.* Karazan-kazandrano amy ny ranomasina.

***HARGNEUX, EUSE,** *adj.* Kitokitoina, malonilony lava. Une femme hargneuse. Vehivavy *kitokitoina,* etc. Cheval —. Soavaly *malonilony lava.* Chien —. Alika *malonilony lava.*

***HARICOT,** *sm.* Tsaramaso. Haricots verts. *Tsaramaso* tanora.

***HARIDELLE,** *sf.* Soavaly kangoaza.

HARMONIE, *sf.* 1° Hatsaram-peo, firaondraona, firedona. L'—d'une flûte. Ny *hatsaran'* ny *feon'* ny filiotra. 2° —, Firindrarindra. L'— du style. Ny *firindrarindran'* ny laha-teny. 3° *fig.* Fifanarahana. Ils vivent en parfaite—. *Mifanaraka* tsara izy ireo.

HARMONIEUSEMENT, *adv.* Tsara. Chanter—. Mihira *tsara.*

HARMONIEUX, EUSE, *adj.* 1° Tsara, miraondraona, miredona. Il a une voix harmonieuse. *Tsara* feo izy. Fanfare harmonieuse. Mozika *miraondraona.* Chant—. Hira *miraondraona, miredona.* 2°—, Mirindrarindra. Langage —. Fiteny *mirindrarindra.* 3° *fig.* Mifanaraka. Couleurs harmonieuses. Volon-doko *mifanaraka.*

HARMONIQUE, *adj.* Mifanaraka. Sons harmoniques. Feo maro *mifanaraka.*
HARMONISER, *va.* Mampifanaraka. — des couleurs. *Mampifanaraka* volondoko
S'harmoniser, *vpr.* Mifanaraka.
HARMONIUM, *sm.* Armonia.
***HARNACHER,** *va.* Mametaka fomban-tsoavaly amy ny soavaly.
Se harnacher, *vpr.* Manao haingon' adala.
***HARNAIS,** *sm.* Fomban-tsoavaly hitariban-kalesy na zavatra hafa. Cheval de —. Soavaly *mpitarika kalesy.*
***HARO,** *sm.* Akora. Crier — sur quelqu'un. *Manakora* olona.
***HARPE,** *sf.* Valiham-bazaha.
***HARPIE,** *sf.* 1° Vorona makadiry mitarehim-behivavy lazain' ny angano. 2° *fig.* Mpanao mamba noana, vehivavy kitokitoina.
***HARPON,** *sm.* Firombaka.
***HARPONNER,** *va.* Mamely amy ny firombaka. —une baleine. *Mamely* trozona *amy ny firombaka.*
***HARPONNEUR,** *sm.* Mpamely amy ny firombaka.
***HASARD,** *sm.* 1° Zavatra sendrasendra, vintana, kinanga. C'est par un effet du — qu'il a gagné cent piastres. *Sendrasendra,* etc., no nahazoany ariary zato. C'est par un heureux — qu'il a échappé à la mort. *Vintana* no tsy nahafatesany. Il compte sur le —. Miandry *vintana* izy. 2° —, Vy very. S'exposer aux hasards de la guerre. Manao *vy very* amy ny ady.
Au hasard, *loc. adv.* Kitoatoa, mosalahy, befahatany. Répondre au —. Mamaly *kitoatoa,* etc.
Par hasard, *loc. adv.* Sendra, sendrasendra, tsitointoina. Comme Fortuitement.
***HASARDÉ, ÉE,** *adj.* Atao kitoatoa. — mosalahy. —befahatany. Conjectures hasardées. Vinany *atao kitoatoa,* etc.
***HASARDER,** *va.* Manao vy very, — very tena, — kitoatoa, — mosalahy. — befahatany. — son bien dans le commerce. *Manao vy very* amy ny varotra. — sa vie. *Manao vy very* ny ainy, *manao very tena,* mitono tena, manehadoza, manaboamaty. — un combat. *Manao vy very* amy ny ady. — son argent au jeu. *Manao kitoatoa,— mosalahy* ny volany amy ny loka. — une remontrance. Manao fananarana *befahatany.*

Se hasarder, *vpr.* Manao vy very, manao very tena, mitono tena, manehadoza, mankaha-doza, manaboamaty, manaty voina, manao kitoatoa, — mosalahy, — befahatany. Voy. S'exposer.
***HASARDEUSEMENT,** *adv.* Kitoatoa, mosalahy, befahatany.
***HASARDEUX, EUSE,** *adj.* 1° Sahy, manao vy very. C'est un joueur —. Mpiloka *sahy,* etc., izy. 2° —, Anaovana vy very. C'est une entreprise hasardeuse. Raharaha *anaovana vy very* izany.
***HÂTE,** *sf.* Hafainganana, hadodonana, hamaikana. La — avec laquelle il fait toutes choses, est cause qu'il ne fait jamais rien de bien. Ny *hafainganana,* etc., entiny manao ny zavatra rehetra no antony tsy hahavitany tsara na inona na inona. J'ai — d'en finir avec cet homme. *Dodona, maika* ho tapa-draharaha amin' io lehilahy io aho.
À la hâte, *loc. adv.* Haingana. Il a fait ce travail à la—. Nataony *haingana* izany lahasa izany.
***HÂTER,** *va.* Mahafaingana, manafaingana, mampahalaky, mandodona, mampandroso. Le travail a hâté sa mort Nahafaty *haingana* azy,*nampahalaky* maty azy ny asa. Hâtez le pas. *Hafaingano* ny dianao. Hâtez le diner. *Hafaingano* ny sakafo. Hâtez ce travail. *Hafaingano* izany raharaha izany. Hâtez un peu ces gens-là. *Dodóny* kely ireo olona ireo. Voilà ce qui hâte le progrès des arts. Izany no *mampandroso* ny fahaizana samihafa.
Se hâter, *vpr.* Manao haingana, malaky, malady, dodona, maika. Hâtez-vous. *Ataovy haingana, haingána, malakia, maladia, maiká.* Il s'est hâté de partir. *Dodona, maika* hiala izy tamin' izay. Il ne se hâte pas de payer. Tsy *maika* handoa vola izy.
***HÂTIF, IVE,** *adj.* Malady, maroroka, haingana. Raisin —. Voaloboka *malady* masaka. Sa croissance est trop hâtive. *Maroroka* loatra izy. C'est un esprit —. Olona *malady* saina, *haingan*-tsaina izy.
***HÂTIVEMENT,** *adv.* Malady, haingana. Ce fruit a mûri —. *Nalady* masaka, masaka *haingana* izany voan-kazo izany.
***HAUBAN,** *sm.* Tobatra mahazaka ihazonana ny salazan-tsambo.
***HAUSSE,** *sf.* 1° Zavatra mahavo. Met-

tre des hausses à une table. Manisy *zavatra mahavo* ny latabatra. 2° *fig.* Fisondrotana.

***HAUSSER,** *va.* 1° Manondrotra, manandratra, manovona, manainga. —une maison. *Manondrotra, manandratra* trano. —un mur en terre. *Manorona* ampiantany. Haussez la voix. *Asondroty* ny feonao. Haussez la jambe. *Aingao* ny tongotrao. 2° *fig.* Mampisondrotra. Il a haussé le prix du pain. *Nampisondrotra* ny vidi-mofo izy.

—, *vn.* 1° Misondrotra. La rivière hausse. *Misondrotra* ny renirano. 2° *fig.* Misondrotra. Le prix du riz a haussé. *Nisondrotra* ny vidim-bary.

Se hausser, *vnr.* Misondrotra, engaina, mandringa. Cela se hausse à volonté. Azo *asondrotra, engaina* araka izay tiana izany. Se — sur la pointe des pieds. *Mandringa.*

***HAUT, HAUTE,** *adj.* 1° Avo, lava, ambony. Une haute maison. Trano *avo.* Le chameau est — de jambes. *Avo* dia ny rameva. Voix haute. Feo *avo.* Il a une haute taille. *Lava* izy. Il est plus — que moi d'un pied. *Avo* iray dia kokoa izy noho izaho. *lava* iray dia amiko izy. Le plus — étage de la maison. Ny rihana *ambony* indrindra. La haute Égypte. Ny Ejipta *ambony.* 2°—, Asandratra, engaina, miandranandrana, nisondrotra, lalina. Il portait l'épée haute devant le roi. *Nanandratra, nanainga* sabatra teo alohan' ny mpanjaka izy. Ce cheval porte la tête haute. *Miandranandrana* io soavaly io. La rivière est haute. *Nisondrotra* ny renirano. L'eau est fort haute en cet endroit *Lalina* dia lalina ny rano eto. 3° *fig.* Avo, ambony, mafy, lehibe, lalina. Le très —. Ny *Avo* indrindra. Il est d'une haute naissance. *Avo* razana izy. C'est une personne de — rang. Olona *ambony* toetra izy. Il est parvenu aux plus hautes dignités. Nahazo voninahitra *ambony* dia ambony izy. Le vin est à très — prix. *Ambony* dia ambony ny vidindivay. Prendre le — ton. Manao *avoavo, ambonimbony* fiteny. Jeter les hauts cris. Mitaraina *mafy.* Hautes fonctions. Raharaha *ambony, lehibe.* Une haute sagesse. Fahendrena *lalina.* De hautes conceptions. Hevitra *lalina.* || *loc.* Dès la plus haute antiquité. Fahagola. Crime de haute trahison. Fikomiana, fiodinana.

***HAUT,** *sm.* 1° Hahavo. Cette maison a sept brasses de —. Fahafito ny *hahavon'* io trano io. 2° —, Tampony, tendro, loha, ambony. Il habite le — de la montagne. Mitoetra any an-*tampon'* ny tendrombohitra izy. Il est tombé du — de la maison en bas. Nianjera avy any an-*tampon*-trano izy. Le — d'un clocher. Ny *tendron'* ny tranon-dakolosy. Écrivez cela en — de la page. Sorato ao an*doha* pejy izany. Le — du tableau est gâté. Simba ny *loha* sary. Le canon tirait de — en bas. Namely avy tany *ambony* ny tafondro.

—, *adv.* 1° Avo, ambony. Élevez plus — cette muraille. Asondroty *avo* kokoa io ampiantany io. Parlez plus —. Ataovy *avo, ambony* kokoa ny feonao. Cet oiseau vole très —. Manidina *avo* dia avo, *ambony* dia ambony io vorona io. 2° *fig.* Ambony, be, aloha. Dieu l'a élevé très —. Nasandratr' Andriamanitra *ambony* dia ambony izy. Les enchères font monter — le prix des marchandises. Ny fifanongonana no mampitombo *be* ny vidim-barotra. La dépense monte —. *Be* ny lany. Reprenons cette histoire de plus —. Aoka hodinihintsika ny zavatra *mialoha* izany tantara izany.

Là-haut, en haut, *loc. adv.* 1° Any ambony. Montez là —, en —. Miakara *any ambony.* 2° —, Any an-danitra. Là — réside un juge incorruptible. *Any an-danitra* misy Mpitsara tsy azo sisihana. Les grâces viennent d'en —. Avy *any an-danitra* ny fahasoavana.

***HAUTAIN, AINE,** *adj.* Miavonavona, mianjonanjona.

***HAUTEMENT,** *adv.* Tsotra, aminkasahiana. Je soutiens — qu'il a raison. Lazaiko *tsotra,* etc., fa marina ny azy.

***HAUTEUR,** *sf.* 1° Hahavo. La — d'un clocher. Ny *hahavon'* ny tranon-dakolosy. Cet oiseau vole à une grande —. Manidina *avo* dia avo io vorona io. 2°—, Halalinana. L'eau a deux mètres de —. Metatra roa ny *halalin'* ny rano. 3°—, Havoana, tanety. Les ennemis gagnèrent une—. Nahazo *havoana,* etc., anankiray ny fahavalo. 4° *fig.* Fiambonia-na, halalinana. Son génie s'élève à une grande —. Misondrotra *ambony* dia ambony ny sainy. La—de ses conceptions est remarquable. Mahagaga ny *halalinan'* ny heviny. || *loc.* Être à la — de quelqu' un. Mahatakatra hevitr' olona. 5°—, Fiavonavonana, fianjonanjonana. Il parle avec —. Miteny amim-*piavonavonana,*

etc., izy. Je ne puis supporter ses hauteurs. Tsy azoko leferina ny *fiavonavonany, fianjonanjonany.*

***HAVRESAC,** *sm.* Kotra fibabin' ny miaramila na ny mpandeha.

HÉ, *int.* 1° O! —! l'ami! *O,* ry sakaiza! 2°—, Adre! lahy! hiá! hanky! —, qu'ai-je fait! *Adre,* inona no nataoko! inona *lahy* no nataoko! —, vous voilà! *Hiá, hanky,* tonga izato izy!

HEBDOMADAIRE, *adj.* Mivoaka isan-kerinandro. Journal —. Gazety *mivoaka isan-kerinandro.*

HÉBERGER, *va.* Mandray ao an-trano.

HÉBÉTÉ, ÉE, *adj.* et *s.* Adala, donto saina, domelina.

HÉBÉTER, *va.* Mahadala, mahadonto, manadonto, mahadomelina. L'ivrognerie l'a hébété. Ny fimamoana *nahadala,* etc., azy.

S'hébéter, *vpr.* Mihadala, mihadonto, mihadomelina.

HÉBRAÏQUE, *adj.* Any ny Hebrio. La langue —. Ny fiteny *hebrio.*

HÉBREU, *sm.* 1° Hebrio. 2° —, Fiteny hebrio. Il sait l'—. Mahay *fiteny hebrio* izy. 3° *fig.* Zavatra tsy fantatra. Vous me parlez —. *Tsy fantatro* ny filazanao.

HÉCATOMBE, *sf.* Omby zato nataon' ny ntaolo sorona.

HECTARE, *sm.* *Ares* zato.

HECTOGRAMME, *sm.* Grama zato.

HECTOLITRE, *sm.* Ny injaton' ny tavoahangy laposety.

HECTOMÈTRE, *sm.* Metatra zato.

HÉGIRE, *sf.* Fiantombohan' ny taona silamo, fomba fanisan-taona arahin' ny Silamo.

HÉLAS, *int.* Indrisy! endrey! lahy! —! quel malheur! *Indrisy, endrey,* fahoriana re izany! —! que je vous plains. Mampangoraka ahy *lahy* hianao!

***HÉLER,** *va.* Miantso (sambo). — un navire. *Miantso* sambo.

HÉLICE, *sf.* Zavatra miolikolika hoatra ny rindran' ny rindram-bý. Escalier en —. Tohatra *miolikolika.*

HÉLIOTROPE, *sm.* Tanamasoandro.

HELLÉNISTE, *sm.* Mpahay fiteny grika.

HÉMISPHÈRE, *sm.* Ny antsasaky ny giloby, ny antsasaky ny tany. L'—boréal. Ny *antsasaky ny tany* avaratra.

HÉMORRAGIE, *sf.* Fivoahan-dra.

HÉMORROÏDAL, ALE, *adj.* Momba ny kitso.

HÉMORROÏDES, *sf. pl.* Kitso.

***HENNIR,** *vn.* Maneno.

***HENNISSEMENT,** *sm.* Fanonon' ny soavaly.

HÉPATITE, *sf.* Fivontosan' ny aty.

HEPTAGONE, *adj.* et *sm.* Fito zoro.

***HÉRAUT,** *sm.* Iraky ny mpanjaka amy ny raharaha lehibe.

HERBACÉ, ÉE, *adj.* Misy taho malemy toy ny any ny ahitra. Plante herbacée. Zava-maniry *misy taho malemy toy ny any ny ahitra.*

HERBAGE, *sm.* 1° Ahitra, anana. Il vit d'herbages. Ny *anana* no fihinany. 2°—, Tany be vilona.

HERBE, *sf.* Ahitra, anana, vilona, bozaka. —vénéneuse. *Ahitra* misy poizina. Se coucher sur l'—. Mandry ambonin' ny *ahitra.* Herbes potagères. *Anana.* Bouillon aux herbes. Ron'*anana.* Donnez de l'— au cheval. Omeo *vilona* ny soavaly. Herbes sèches servant de bois de chauffage. *Bozaka,* kitay *bozaka.* ‖ *loc.* Blé en—. Varimbazaha mitsimoka. Manger son blé en—. Mandany an-tendrony ny hareny. C'est un docteur en—. Mpianatra ho dokotera io. Couper l'—' sous le pied à quelqu'un. Mandresy antosika olona.

HERBETTE, *sf.* Ahitra fohy, ahi-maitso. Danser sur l'—. Mandihy eny ambonin' ny *ahitra.*

HERBEUX, EUSE, *adj.* Be ahitra.

HERBIER, *sm.* Boky famoriana zava-maniry isan-karazany.

HERBIVORE, *adj.* et *sm.* Biby homana ahitra.

HERBORISATION, *sf.* Famoriana zava-maniry isan-karazany.

HERBORISER, *vn.* Mamory zava-maniry isan-karazany.

HERBORISEUR, *sm.* Mpamory zava-maniry isan-karazany.

HERBU, UE, *adj.* Be ahitra. Chemin—. Lálana *be ahitra.*

HERCULE, *sm.* 1° Lehilahy matanjaka lazain'ny angano. 2° *fig.* Olona matanjaka.

* **HÈRE,** *sm.* Olona faraidiny.

HÉRÉDITAIRE, *adj.* 1° Lována. Biens héréditaires. Harena *lována.* Royaume —. Fanjakana *lována.* 2° *fig.* Mifindra amy ny zanaka, lována. Maladie —. Aretina *mifindra amy ny zanaka,* etc.

HÉRÉDITAIREMENT, *adv.* Amy ny lova.

HÉRÉDITÉ, *sf.* 1° Fandovana. Accepter l'—. Manaiky *handova*. 2°—, Fandovana amy ny fanjakana. Il attaque le principe de l'—. Manohitra ny *fandovana amy ny fanjakana* izy. 3° *fig.* Fifindrana amy ny zanaka.

HÉRÉSIARQUE, *sm.* Mpamorona herezia, lohan' ny herezia anankiray. Luther est—. Lotera no *mpamorona herezia*, etc.

HÉRÉSIE, *sf.* Herezia.

HÉRÉTIQUE, *adj.* Manohitra ny finoana. Proposition—. Fehezan-teny *manohitra ny finoana*.

—, *sm.* Heretika. Il convertit beaucoup d' hérétiques. Nampibebaka *heretika* maro izy.

*__HÉRISSÉ, ÉE__, *adj.* 1° Mitsangam-bolo. Il a les cheveux hérissés. *Mitsangam-bolo* izy. 2°—, Be. Un retranchement —de pieux. Mánda *be* tsato-kazo. 3° *fig.* Be. Affaire hérissée de difficultés. Raharaha *be* zava-tsarotra.

*__HÉRISSER__, *va.* 1° Mampitsangam-bolo. Le lion hérisse sa crinière. *Mitsangam*-bombona ny liona. 2°—, Be, manisy betsaka. Des épines hérissent le bord du chemin. *Be* ny tsilo ao amorondálana.—un retranchement de pieux. *Manisy* tsato-kazo *betsaka* amy ny mánda.

Se hérisser, *vpr.* Mitsangam-bolo. Le coq se hérisse. *Mitsangam-bolo* ny akoholahy.

*__HÉRISSON__, *sm.* Sokina.

HÉRITAGE, *sm.* Lova. Il a fait un grand—. Nahazo *lova* be izy. Les méchants n'auront point de part à l'—céleste. Tsy hanana anjara *lova* amy ny fanjakan' ny lanitra ny ratsy fanahy.

HÉRITER, *vn.* et *va.* 1° Mandova. Il a hérité d'une grande fortune. *Nandova* harena be izy. 2° *fig.* Mahazo, mandova. C'est une maladie qu'il a héritée de sa mère. Aretina *azony, nolovany* tamy ny reniny izany. La vertu est le seul bien qu'il ait hérité de son père. Ny hatsaram-panahy tokana no harena *nolovany* tamy ny rainy.

HÉRITIER, IÈRE, *s.* Mpandova.

HERMÉTIQUEMENT, *adv.* Amy ny tsentsin-tena, tsara. Fermer—. Manentsina *amy ny tsentsin-tena, tsara.*

HERMINE, *sf.* Karazam-biby fotsy malemy volo, volon' ny *hermine.*

*__HERNIE__, *sf.* Fipotsahan' ny tsinay amy ny kibo malemy.

HEROÏNE, *sf.* Vehivavy mahery fo.

HÉROÏQUE, *adj.* Mahery fo, mahagaga. C'est une femme —. Vehivavy *mahery fo* izy. Il montra un courage —. Nampiseho herim-po *mahagaga* izy.

HÉROÏQUEMENT, *adv.* Amin-kerim-po lehibe. Il combattit—. Niady *tamin-kerim-po lehibe* izy.

HÉROÏSME, *sm.* Herim-po lehibe.

*__HÉRON__, *sm.* Vano.

*__HÉROS__, *sm.* Lehilahy mahery fo.

*__HERSAGE__, *sm.* Famakiam-bainga.

*__HERSE__, *sf.* Fiasana famakiam-bainga.

*__HERSER__, *va.* Mamaky bainga.

HÉSITATION, *sf.* Fiahanahanana, fisalasalana, firoahana, fihambahambana, fiheroheroana.

HÉSITER, *vn.* Miahanahana, misalasala, miroahana, mihambahamba, miherohero. Il hésitait dans ses réponses. *Niahanahana* tamy ny valy nataony izy. Il hésite sur ce qu'il doit faire. *Miahanahana*, etc., amin' izay tokony hataony izy.

HÉTÉRODOXE, *adj.* Diso finoana, manohitra ny finoana.

HÉTÉRODOXIE, *sf.* Hadisoam-pinoana, fanoherana ny finoana.

HÉTÉROGÈNE, *adj.* Samihafa karazana.

HEURE, *sf.* 1° Ora, adim-pamantaranandro. Le travail a duré cinq heures. Naharitra *ora*, etc., dimy ny asa. ‖ *loc.* Quelle—est-il? il est trois heures. Amy ny firy izao? Amy ny telo. L'aiguille est sur dix heures. Amy ny folo ny sahaza. L'horloge a sonné quatre heures. Naneno amy ny efatra ny famantaranandro. À l' —qu'il est, pour l'—. Ankehitriny, amin' izao. 2°—, Fotoana, andro. Il a retardé l'— du diner. Nampihemotra ny *fotoam*-pisakafoana izy. Convenons d'une—. Aoka hanao *fotoana* isika. L'— est venue de vous disculper. Tonga ny *fotoana*. etc., ialanao tsiny. Sa dernière— approche. Akaiky ny *andro* hahafatesany.

De bonne heure, *loc. adv.* Maraina, antoandro, haingana, malaky. Il se lève de bonne—. Mifoha *maraina* izy. Il est encore de bonne—. Mbola *maraina, antoandro* izao. Venez de bonne—. Avia *maraina, haingana*. Ces arbres fleurissent de bonne—. *Malaky* mamony ireo hazo ireo.

Tout à l'heure, *loc. adv.* Vetivety, raha afaka kelikely, anikeheo, vao teo. Je viendrai tout à l'—. Ho avy *vetivety, raha afaka kelikely* aho. Je vous l'ai dit tout à l'—. *Anikeheo, vao teo* nilazako izany taminao.

Sur l'heure, *loc. adv.* Miaraka amin'izay.

À la bonne heure, *loc. adv.* Tsara izany, izay no izy.

HEUREUSEMENT, *adv.* 1° Soa amantsara, amim-panambinana. Il est né—. Teraka *soa aman-tsara* izy. 2°—. Zara, soa hiany, saikinány. — il est arrivé. *Zara*, etc., fa tonga izy.

HEUREUX, EUSE, *adj.* 1° Sambatra, finaritra, miadana, faly. Nous ne serons parfaitement— que dans le ciel. Tsy ho *sambatra* indrindra isika raha tsy any an-danitra. Cette famille est heureuse. *Finaritra, miadana* izany fianakaviana izany. Je suis— d'avoir pu vous plaire. *Faly* aho satria nankasitrahanao. 2°—, Ambinina, manan-jara, vintanina, tsara vintàna. Il est—dans toutes ses entreprises. *Ambinina*, etc., amy ny raharaha rehetra ataony izy. Il est— au jeu. *Ambinin*-doka izy. Il a la main heureuse. *Ambinina* izy. 3°—, Mahafinaritra, mahafaly, tsara. C'est un jour—pour moi. *Mahafinaritra, mahafaly* ahy ity andro ity. Notre voyage fut—. *Tsara* ny dia nalehanay. C'est un—présage. Fambara *tsara* izany. Il a des reparties heureuses. *Tsara* ny famaliny.

***HEURT,** *sm.* Dona, fidona, poka, fipoka, gona, figona, paika, fipaika, katroka, fikatroka.

***HEURTER,** *va.* 1° Mandona, midona, mapoka, manapoka, mipoka, mangona, migona, mipaika, mikatroka. Ce navire a heurté l'autre. *Nandona namoka, nanapoka, nangona* ny hafa, *nidona, nipoka, nigona* tamy ny hafa io sambo io. Comme CHOQUER. 2° *fig.* Mahasosotra, manohitra. Il a heurté beaucoup de gens. *Nahasosotra* olona maro izy. Ne heurtez pas ses opinions. Aza *manohitra* ny heviny.

—, *vn.* 1° Midona, mipoka, migona. Il a heurté contre un rocher. *Nidona*, etc., tamy ny vatolampy izy. 2°—, Mandona. On heurte à la porte. Misy *mandondona* ao am-baravarana.

Se heurter, *vpr.* 1° Midona, mikatroka. Il s'est heurté contre la table. *Nidona* tamy ny latabatra izy. Les deux armées vinrent à se —. *Nikatroka* ny tafika roa tonta. 2° —, Mifampidona, mifampipoka, mifampigona, mifampipaika, mifampikatroka. Les vagues se heurtent. *Mifampidona, mifampipoka, mifampigona* ny onjan-drano. Les béliers se heurtent. *Mifampikatroka*, manao *katro*-doha ny ondrilahy.

HEXAGONE, *adj.* et *sm.* Enin-joro.

HIATUS, *sm.* Fifanarakarahan' ny zanatsoratra roa.

***HIBOU,** *sm.* Vorondolo.

***HIDEUSEMENT,** *adv.* Izaitsizy.

***HIDEUX, EUSE,** *adj.* Ratsy tarehy izaitsizy, maharikoriko. Femme hideuse. Vehivavy *ratsy tarehy izaitsizy*. C'est une chose hideuse. *Maharikoriko* izany zavatra izany.

HIER, *adv.* 1° Omaly. 2° *fig.* Vao haingana, vao omalin' omaly. C'est un ami d'—. Sakaiza *vao haingana*, etc., izy.

***HIÉRARCHIE,** *sf.* Filaharana, ambaratonga. La — des anges. Ny *filaharana*, ny *ambaratongan'* ny anjely. La — militaire. Ny *filaharana*, ny *ambaratonga* amy ny miaramila.

***HIÉRARCHIQUE,** *adj.* Misy filaharana, misy ambaratonga. Le gouvernement de l'Église est—. *Misy filaharana*, etc., ny mpifehy amy ny Eglizy.

***HIÉRARCHIQUEMENT,** *adv.* Araka ny filaharana, araka ny ambaratonga.

HIÉROGLYPHE, *sm.* 1° Soratra sary nataon' ny Ejiptiana. 2° *fig.* Zavatra saro-pantarina.

HIÉROGLYPHIQUE, *adj.* Momba ny *hiéroglyphe*.

HILARITÉ, *sf.* Hamiramirana, fihomehezana.

HIPPODROME, *sm.* Kianja fifanalan' ny soavaly hazakazaka

HIPPOPOTAME, *sm.* Soavalin-drano, lalomena.

HIRONDELLE, *sf.* Sidintsidina.

***HISSER,** *va.* Mampakatra. — une voile. *Mampakatra* lain-tsambo.

Se hisser, *vpr.* Miakatra. Je me hissai jusqu'à la fenêtre. *Niakatra* hatramy ny varavaran-kely aho.

HISTOIRE, *sf.* 1° Tantara. Il étudie l'—. Mianatra *tantara* izy. Il me conta l'— de son voyage. *Nitantara* tamiko ny dia nalehany izy. 2°—, Angano. Il conte des histoires. Milaza *angano* izy.

HISTORIÉ, ÉE, *p.* et *adj.* Voaravaka, noravahana, nampihaingoina, mihaingo, norentena, mirenty. Cabinet—. Efitrano *voaravaka*, etc. Lettres histo-

riées. Soratra *mihaingo, mirenty.*

HISTORIEN, *sm.* Mpitantara.

HISTORIER, *va.* Mandravaka, mamphaingo, mandrenty.

HISTORIETTE, *sf.* Tantara kely.

HISTORIQUE, *adj.* Momba ny tantara.

—, *sm.* Tantara. Faire l'—d'un procès. *Mitantara* ady.

HISTORIQUEMENT, *adv.* Araka ny tantara.

HISTRION, *sm.* Ariralahy, kapotsaka.

HIVER, *sm.* Ririnina. Nous sommes au milieu de l'—. Aty *ririnina* izao. Il n'y a pas eu d'—cette année. Tsy nisy *ririnina* tamin'ity taona ity. L'— se fait sentir, il fait un temps d'—. *Mandririnina* ny andro.

HIVERNAGE, *sm.* Fipetrahan' ny sambo ao amy ny seranana anankiray mandritra ny ririnina.

HIVERNER, *vn.* Mipetraka mandritra ny ririnina. Les troupes hivernent dans le pays. *Mipetraka* atý *mandritra ny ririnina* ny miaramila.

HO! *int.* Adre! —! que me dites-vous là? *Adre!* inona izany lazainao amiko?

***HOBEREAU,** *sm.* Lavelatra.

***HOCHEMENT,** *sm.* — de tête. Fionjonana. fihifikifika.

***HOCHER,** *va.* Mionjona, mihifika. Il s'en alla en hochant la tête. *Nionjona, nihifika* izy dia lasa.

***HOCHET,** *sm.* 1° Tsilalaon-jaza. 2° *fig.* Zavatra tsinontsinona.

HOLÀ! *int.* Hiá! —! qui est là? *Hiá!* iza no ao?

—, *adv.* Aoka izay. —, pas tant de bruit. *Aoka izay,* fa aza mitabataba toy izany.

—, *sm.* Mettre le —. Mampitsahatra fifandirana.

HOLOCAUSTE, *sm.* 1° Fisoronana biby nodorana nataon' ny Jody, biby nodorana natao sorona. 2° —, Sorona. Jésus-Christ s'est offert en — pour nos péchés. Nanolo-tena ho *sorona* noho ny fahotantsika Jeso-Kristy.

HOMARD, *sm.* Oran-dranomasina makadiry.

HOMÉLIE, *sf.* Toriteny fivoasana ny Evanjely.

HOMICIDE, *s.* Mpamono olona.

—, *sm.* Vonoana olona, famonoana olona. Commettre l'—. *Mamono olona.*

HOMMAGE, *sm.* 1° Haja. Toutes les créatures rendent — au Créateur. Ny zavatra voary rehetra manome *haja* ny Nahary azy. Il est entouré d'hommages. Omen' ny olon-drehetra *haja* izy. ‖ *loc.* Rendre — au souverain en lui offrant une piastre. Manasina andriana amy ny vola tsy vaky. Rendre — à la vérité. Milaza ny marina. 2° —, Fanolorana. Je lui ai fait — de mon livre. *Natolotro* ho azy ny bokiko. 3° —, *pl.* Arahaba. Je viens de lui offrir mes hommages. Avy *niarahaba* azy aho.

HOMME, *sm.* 1° Olona, olombelona. Dieu créa l'— à son image. Nataon' Andriamanitra mitovy endrika aminy ny *olona*, etc. L'— est sujet à la mort. Mety maty ny *olona*, etc. Le Fils de l'—. Ny Zanak' *olona*. 2° —, Lehilahy, lahy. Dieu a créé l'— et la femme. Andriamanitra nahary ny *lehilahy* sy ny vehivavy. Jeune —. Tov*olahy, sakandahy.* C'est un — fait. *Lehilahy* lehibe izy. C'est un — de bien. *Lehilahy* tsara fanahy izy. Ce n'est pas un —. Tsy *lehilahy* izy. Il est — à tout entreprendre. Tena *lehilahy* mahatanteraka na inona na inona izy. C'est un — à pendre. *Lehilahy* famono io. J'ai trouvé mon —. Hitako ny *lehilahy* izay ilaiko, izay mahavita. 3° —, Miaramila, mpiasa, maromita. Une armée de dix mille hommes. Tafika misy *miaramila* iray alina. J'ai payé mes hommes. Efa nomeko ny karaman'ny *mpiasako, maromitako.*

HOMOGÈNE, *adj.* Mitovy karazana.

HOMONYME, *adj.* Mitovy fanononana.

—, *sm.* Olona mitovy anarana.

HONNÊTE, *adj.* 1° Tsara fanahy. C'est un—homme. *Tsara fanahy* izy. 2°—, Mety, antoniny. Ces paroles ne sont pas honnêtes. Tsy *mety* ireo teny ireo. Récompense—. Valisoa *antoniny.* 3° —, Mahay manaja, mahalala fomba, misy fanajana. Il est fort—, il a des manières honnêtes. *Mahay manaja, mahalala fomba* izy. Il lui fit un accueil —. Nandray azy tamim-*panajana* izy.

—, *sm.* Ny mety. Il préfère l'—à l'utile. *Ny mety* no tiany noho ny mahasoa.

HONNÊTEMENT, *adv.* 1° Tsara. Elle s'est toujours conduite —. Nitondra tena *tsara* mandrakariva izy. 2°—, Araka ny mety, antonintoniny. 3°—, Amimpanajana.

HONNÊTETÉ, *sf.* 1° Hatsaram-panahy. hatsarana. Je connais l'—de son âme. Fantatro ny *hatsaram-panahiny.* Je connais l'—de ses mœurs. Fantatro

ny *hatsaran'* ny fitondran-tenany. 2°—, Ny mety. Cela est contre les règles de l'—. Manohitra *ny mety* izany. 3° —, Fahaizana manaja, fahalalana fomba, fanajana. Il le reçut avec toute sorte d'honnêtetés. Nandray azy tamim-*panajana* lehibe izy.

HONNEUR, *sm.* 1° Voninahitra, tabiha, haja. Il a acquis de l' —. Nahazo *voninahitra* izy. Cet ouvrage lui fait —. Ananany *voninahitra* izany boky izany. Il a flétri mon —. Nanala *voninahitra,* nanala baraka ahy izy. Il est l'— de son pays. *Voninahitra, tabihan'* ny tanin-drazany izy. Il fait — à sa famille. *Voninahitra, tabihan'* ny fianakaviany izy. Il a eu l' — d'être admis à la table du prince. Nahazo *voninahitra* mba hiaraka hihinana amy ny mpanjaka izy. On lui a fait de grands honneurs. Nomena *voninahitra, haja* lehibe izy. Il est parvenu au comble des honneurs. Nahazo *voninahitra* ambony dia ambony izy. ‖ *loc.* Il est mort au champ d'—. Maty tany an'ady izy. Point d'—. Hambo, hambom-po. Il est délicat sur le point d'—. Lehilahy manan-*kambo,* be *hambom-po* izy. Je vous donne ma parole d'—. Lehilahy *manan-kambo* aho ka ataoko tokoa izany. Faire — à ses engagements. Manatanteraka ny teny napetrany 2°—, Fanaovana ho zavatra. Les sciences furent alors en —. *Natao ho zavatra* ny fahaizana samihafa tamin' izay. 3°—, Hatsarampanahy, ny mety. C'est un homme d'—. *Tsara fanahy* izy. L'— lui est plus cher que la vie. Ny *hatsaram-panahy, ny mety* no tiany kokoa noho ny aina.

***HONNIR,** *va.* Manala baraka.

HONORABILITÉ, *sf.* Hatsaram-panahy. On connait son —. Fantatra ny *hatsaram-panahiny.*

HONORABLE, *adj.* 1° Mahabe voninahitra, ambony. Il a fait une fin —. *Mahabe voninahitra* azy ny nahafatesany. On lui donna la place la plus—. Nomena ny toerana *ambony* indrindra izy. Emploi—. Raharaha *ambony.* 2°—, Be voninahitra, mendrika hohajaina, amim-panajana. C'est une famille —. *Mendrika hohajaina* izany fianakaviana izany. On lui fit une réception —. Noraisina *tamim-panajana* izy.

HONORABLEMENT, *adv.* • Amimboninahitra, amim-panajana. 2° —, Araka ny mety.

HONORAIRE, *adj.* Amy ny anarampotsiny ho fanajana. Conseiller —. Mpanolo-tsaina *amy ny anaram-potsiny ho fanajana* azy.

—, *sm. pl.* Karama. Les honoraires du médecin. Ny *karaman'* ny dokotera.

HONORER, *va.* 1° Manome voninahitra, manome haja, manaja. Honorez Dieu. *Omeo voninahitra, omeo haja, hajao* Andriamanitra. Il honore ses supérieurs. *Manome voninahitra,* etc , ny lehibeny izy. 2° —, Manao ho zavatra. J'honore sa vertu. *Ataoko ho zavatra* ny hatsaram-panahiny. 3°—, Mahabe voninahitra. Il honore son pays. *Mahabe voninahitra* ny tanin-drazany izy. Il m'honore de son amitié. *Mahabe voninahitra* ahy, *voninahitra* ho ahy ny fitiavany ahy.

S'honorer, *vpr.* 1°Mahazo voninahitra, manao ho voninahitra. Je m'honore d'être son ami. *Ataoko ho voninahitra* ho ahy ny misakaiza aminy.

HONORIFIQUE, *adj.* Mampahazo voninahitra. Titre—. Anaram-*boninahitra.*

***HONTE,** *sf.* 1° Henatra. Il rougit de —. Tera-menan' ny *henatra* izy. Il a — de se montrer. *Menatry* ny hiseho izy. Faites-lui — de sa paresse. Omeo *henatra* izy noho ny hakamoany. Ils tirent vanité de ce qui devrait leur faire —. Mirehareha amy ny zavatra tokony *hampahamenatra* azy izy ireo. Il a perdu toute —. Tsy mahalala *menatry* izy. Il est couvert de —. Safo-*kenatra* izy. 2° —, Fanalam-baraka, fahafaham-baraka. Il fait la — de sa famille. *Manala baraka, mahafa-baraka* ny fianakaviany izy.

***HONTEUSEMENT,** *adv.* Amim-pahafaham-baraka.

***HONTEUX, EUSE,** *adj.* 1° Menatra, saro-kenatra. Il est — de ce qu'il a fait. *Menatry* ny nataony izy. Les enfants sont—devant les personnes qu'ils ne connaissent pas. *Menatra,* etc., ny zaza kely raha eo anatrehan' ny olona tsy fantany. 2°—, Mampahamenatra, mahamenatra, mahafa-baraka. Il mène une conduite honteuse. Manao fitondran-tena *mampahamenatra,* etc., izy.

HÔPITAL, *sm.* Trano fitsaboana, hospitaly.

***HOQUET,** *sm.* Tsakoahina. Avoir le— *Tsakoahina.*

HORAIRE, *adj.* Momba ny ora. Les lignes horaires. Ny marik*ny ora.*

***HORDE,** *sf.* Firenen' olona mirenireny, andian' olona mirenireny. Des hordes de barbares fondîrent sur l'empire romain. Nisy *firenen' olona* baribariana nibosesika tamy ny fanjakana romana. Une —de brigands. *Andian*-jiolahy.

HORIZON, *sm.* 1° Faravodilanitra. Le soleil est à l'—. Any amy ny *faravodilanitra* ny masoandro. De cette colline on découvre tout l'—. Amin' io tanety io no ahitana ny *faravodilanitra* rehetra. 2° *fig.* Toe-draharaha. L'—s'éclaircit. Mihamazava ny *toe-draharaha*

HORIZONTAL, ALE, *adj.* Marina.

HORIZONTALEMENT, *adv.* Marina. Placez cette planche—. Ataovy *marina* no fametraka io hazo fisaka io.

HORLOGE, *sf.* Famantaranandro lehibe.

HORLOGER, *sm.* Mpanao famantaranandro, mpanamboatra—.

HORLOGERIE, *sf.* Fahaizana famantaranandro, fanaovana—, fanamboarana —, fivarotana —.

HORMIS, *prép.* Afa-tsy. Comme Excepté.

HOROSCOPE, *sm.* Faminaniana atao amy ny astra.

HORREUR, *sf.* 1° Tahotra, fahatsiravina, haloza. Il pâlit d'—. Mivaloarika nobo ny *tahotra* izy. Dans cette forêt on éprouve une secrète—. *Mahatahotra* izany ala izany. Cette ville éprouva toutes les horreurs de la famine. *Mahatsiravina, loza* ny mosary nanjó io tanána io. L'— du supplice n'ébranla point son courage. Tsy nampihontsina azy velively ny *halozan'* ny fijaliana. 2°—, Fankahalana. J'ai—du mensonge. *Halako* ny lainga. Je l'ai en—. *Halako* izy. Il est en—à tout le monde. *Halan'* ny olon-drehetra izy. 3°—, Haratsiana, halehibe. Comprenez l'—du péché. Fantaro ny *haratsian'* ny fahotana. Je comprends l'—de mon crime. Fantatro ny *halehiben'* ny heloko. 4°—, *pl.* Zavatra ratsy izaitsizy. Il dit des horreurs. Milaza *zavatra ratsy izaitsizy* izy.

HORRIBLE, *adj.* 1° Mahatahotra, mampatahotra, mahatsiravina, loza loatra. Sa mort fut—. *Nahatahotra, nampatahotra, nahatsiravina, loza loatra* ny nahafatesany. 2°—, Ratsy izaitsizy, lehibe, be vava, izaitsizy. Sa conduite est—. *Ratsy izaitsizy* ny fitondran-tenany. Il fait un temps—. *Ratsy izaitsizy* ny andro. Il a commis un crime—. Nanao heloka *lehibe, be vava* izy. Il fait un froid —. Mangatsiaka *izaitsizy* ny andro.

HORRIBLEMENT, *adv.* Ratsy izaitsizy.

HORRIPILATION, *sf.* Fihoron-koditra.

***HORS,** *prép.* Ivelany. Il est—de la ville. Any *ivelan'* ny tanána izy. ‖ *loc.* Il est —de la maison. Any alatrano izy. Il est — de la portée du canon. Tsy takatry ny tafondro izy. Il est—de danger. Afadoza izy. Il est—de lui. Very hevitra izy. Il est—de combat. Tsy afa-miady intsony izy. Cet habit est—de service. Tsy azo anaovana intsony, efa borizano io akanjo io. —de là. Afa-tsy izany. Mettre quelqu'un—la loi. Mamono olona an-trebotrebo.

***HORS-D'ŒUVRE,** *sm.* Fanampiny fotsiny.

HORTICULTEUR, *sm.* Mpamboly anana.

HORTICULTURE, *sf.* Fambolena anana.

HOSANNA, *sm.* Fihobiana.

HOSPICE, *sm.* Trano fitaizana ny mahantra,—ny antitra, etc.

HOSPITALIER, IÈRE, *adj.* 1° Mandray tsara ny vahiny. C'est un peuple—. Firenena *mandray tsara ny vahiny* izany. J'ai trouvé une demeure hospitalière. *Voaray tsara* tamin' izany trano izany aho. 2°—, Mitsabo marary. Sœurs hospitalières. Masera *mpitsabo marary*.

HOSPITALITÉ, *sf.* Fandraisam-bahiny.

HOSTIE, *sf.* Hostia.

HOSTILE, *adj.* 1° Miady, mampiseho ho fahavalo. Il a des projets hostiles. Mikasa *hiady* izy. Il a des procédés hostiles. *Mampiseho* azy *ho fahavalo* ny ataony. 2°—, Manohitra. La plupart lui sont hostiles. *Manohitra* azy ny ankabiazany.

HOSTILEMENT, *adv.* Miady, miseho ho fahavalo.

HOSTILITÉ, *sf.* 1° Ady. Il commença les hostilités. Nanomboka ny *ady* izy. 2°—, Fanoherana.

HÔTE, HÔTESSE, *s.* 1° Tompon' ny tranom-bahiny. Table d'—. Voy. Table. 2°—, Mpandray vahiny, vahiny raisina.

HÔTEL, *sm.* 1° Trano lehibe. Il a loué un

—. Nanofa *trano lehibe* izy. —de ville. *Trano* fanaovan' ny *maire* sy ny namany raharaha. Hôtel-Dieu. *Trano* fitsaboana *lehibe*, hospitaly *lehibe*. 2°—, Tranom-bahiny. Il loge à l'—. Mitoetra ao amy ny *tranom-bahiny* izy.

HÔTELIER, IÈRE, *s.* Tompon' ny tranom-bahiny.

HÔTELLERIE, *sf.* Tranom-bahiny.

***HOTTE,** *sf.* Zavatra fibabena entana.

***HOUBLON,** *sm.* Zava-maniry anaovan-dabiera.

***HOUE,** *sf.* Angadim-bazaha.

***HOUILLE,** *sf.* Arin-tany.

***HOUILLER, ÈRE,** *adj.* Misy arintany. Terrain—. Tany *misy arin-tany.*

***HOUILLÈRE,** *sf.* Tany misy arin-tany

***HOULE,** *sf.* Alon-dranomasina.

***HOULETTE,** *sf.* Hazo fiandrasana ondry.

***HOULEUX, EUSE,** *adj.* Manonja.

***HOUPPE,** *sf.* Sahondran-javatra.

***HOUPPELANDE,** *sf.* Akanjobe.

***HOURRA,** *sm.* Hoby. Pousser des hourras. *Mihoby.*

***HOUSPILLER,** *va* 1° Misaritsarika, manintontsintona, mandrirotra. 2° *fig.* Manaratsy, mandevilevy.

Se houspiller, *vpr.* 1° Mifampisaritsarika, mifanintontsintona, mifandrirotra. 2° *fig.* Mifanaratsy.

***HOUSSE,** *sf.* Lamban-tsoavaly.

***HOUSSINE,** *sf.* Rotsa-kazo, firitsoka.

***HOUSSINER,** *va* Mikapoka amy ny rotsa-kazo. —ses habits. *Mikapoka* ny akanjony *amy ny rotsa-kazo.*

***HOUX,** *sm.* Karazan-kazo maitso ravina lalandava.

***HOYAU,** *sm.* Angady baka roa.

***HUBLOT,** *sm.* Varavaran-kely madinika amy ny vatan-tsambo.

***HUÉE,** *sf.* Akora, akoralava.

***HUER,** *va.* Manakora.

HUILE, *sf.* Solika, diloilo, tseroka, ilo, menaka. —de pied de bœuf. *Solika.* —de pétrole. *Soli-tany.* —d'olive. *Diloilo.* Peindre à l'—. Manoso-doko amy ny loko *diloilo.* Les saintes huiles Ny *diloilo* masina. —de coco *Diloilo* kokô. L'—de ricin. Ny *tseroka, ilom*-boan-tanantanamanga. —de pistache. *Ilom* boanjo. —de foie de morue. *Menaka* telo zoro.

HUILER, *va.* Manoso-tsolika. —une serrure. *Manoso-tsolika* hidin-trano.

HUILEUX, EUSE, *adj.* Misy solika, minendonendo. Cheveux—. Volon-doha *minendonendo.* Peau huileuse. Hoditra *minendonendo.*

HUILIER, *sm.* Fitoeran-diloilo sy vinaingitra.

HUIS, *sm.* À—clos. Mangingina. Audience à—clos. Fitsarana atao *mangingina.*

HUISSIER, *sm.* Vadintany.

***HUIT,** *adj. num.* 1° Valo. —fois. *Imbalo.* —jours. *Havaloana.* Tous les—jours. Isan-*kavaloana.* Il y a—jours qu'il est arrivé. *Hava'oan'* andro, tamy ny herin' ny andro any no nahatongavany. —par—. *Tsivalovalo.* Partagez cette orange en —. *Valoy* io laoranjy io. Elle est partagée en —. *Voavalo, novaloina, mivalo* izy. ‖ *loc.* Il viendra de dimanche en—. Ho avy amy ny herin' ny alahady izy 2° —, Fahavalo. Chapitre—. Toko *fahavalo.*

—, *sm.* Valo. Il est arrivé le—de ce mois. Tonga tamy ny *valon'* ity volana ity izy.

***HUITAINE,** *sf.* 1° Havaloana. Je passai chez lui une—de jours. Nitoetra *havaloan'* andro tao aminy aho. 2°—, Valo, tokony ho valo. J'ai acheté une—de dindons. Nividy vorontsiloza *valo,* etc., aho.

***HUITIÈME,** *adj.* Fahavalo. Il est le —sur le registre. *Fahavalo* ao amy ny rejistra izy. Faire une chose pour la— fois. *Manimbalo.* Pour la—fois. *Fanimbalony.*

—, *sm.* Ny ampahavalony. Les trois huitièmes. Ny telo *ampahavalony.*

***HUITIÈMEMENT,** *adv.* Fahavalo.

HUÎTRE, *sf.* 1° Akorandriaka any anaty ranomasina. 2° *fig.* Tonendrina, dondrina, donána velona.

HUMAIN, AINE, *adj.* 1° Momba ny olona,—ny olombelona. Le corps—. Ny vatan' *ny olona.* La nature humaine. Ny fomban' *olombelona.* Le genre—. Ny *olombelona.* 2°—, Mpamindra fo, miantra, malemy fanahy. Cet homme est— *Mpamindra fo,* etc., io lehilahy io. N'avoir rien d'—. Comme INHUMAIN.

—, *sm. pl.* Ny olombelona. Le maitre des humains. Ny tompon' *ny olombelona.*

HUMAINEMENT, *adv.* 1° Araka izay azon' ny olombelona atao. Il fit ce qui est—possible. Nanao *araka izay azon' ny olombelona atao* izy. 2° —, Amimpamindram-po, amim-piantrana, amimkalemem-panahy. Il traita—les vaincus.

Namindra'fo, niantra ny resy izy, nitondra ny resy *tamin-kalemem-panahy* izy.

HUMANISER, *va*. Mampahendry, mampahalemy fanahy. Les Européens ont humanisé les peuples sauvages. Ny Eoropeana *nampahendry, nampahalemy fanahy* ny firenena barbariana.

S'humaniser, *vpr*. Mihahendry, mihamalemy fanahy.

HUMANISTE, *sm*. Mpianatra laha-teny an-tsoratra.

HUMANITAIRE, *adj*. Mahasoa ny olona.

HUMANITÉ, *sf*. 1° Fomban'olombelona. Jésus-Christ a pris notre —. Jeso-Kristy naka ny *fombantsika olombelona*. 2°—, Ny olona. C'est un bienfaiteur de l'—. Mpanasoa *olona* izy. 3°—, Famindram-po, fiantrana, halemem-panahy. Il est plein d'—. Be *famindram-po*, etc., izy. 4°—, *pl*. Fianarana lahateny an-tsoratra.

HUMBLE, *adj*. et *s*. 1°Manetry tena. Il est — au milieu des grandeurs. *Manetry tena* ao afovoan'ny voninahitra izy. Dieu accorde sa grâce aux humbles. *Andriamanitra manome ny fahasoavany amin' izay *manetry tena*. Il est— devant les grands. *Manetry tena* eo anatrehan' ny lehibe izy. Il fit un— aveu de sa faute. Niaiky ny hadisoany tamim-*panetren-tena* izy. 2°—, Ambany. Il remplit d'humbles fonctions. Manao raharaha *ambany* izy.

HUMBLEMENT, *adv*. Amim-panetren-tena.

HUMECTANT, ANTE, *adj*. et *s*. Mampangatsiatsiaka. Les fruits sont humectants. *Mampangatsiatsiaka* ny voan-kazo.

HUMECTATION, *sf*. Fampandopandoana.

HUMECTER, *va*. 1° Mahamando, mahameri nerika. La rosée a humecté la terre. *Nahamando* ny tany ny ranonando. Des larmes humectaient ses paupières. Nisy ranomaso *nahamerimerika* ny masony. 2°—, Mampangatsiatsiaka.

S'humecter, *vpr*. Mihamando, mihamerimerika.

***HUMER,** *va*. Mitroka, mifoka. — un œuf. *Mitroka* atody. — l'air. *Mifoka* rivotra.

HUMÉRAL, ALE, *adj*. Momba ny sandry.

HUMÉRUS, *sm*. Taolan-tsandry ambony.

HUMEUR, *sf*. 1° Ranon-javatra, ra, zavatra matsora anatin'ny vatana. Il découle de cet arbre une — visqueuse. Misy *rano* madity mivoaka amin' io hazo io. Cela vicie les humeurs. Manimba ny *ra* izany. Il faut évacuer les humeurs. Tokony havoaka ny *zavatra matsora anatin'ny vatana*. Humeurs froides. Comme SCROFULES. 2° *fig*. Toe-panahy, fitiavana. Il a une— égale. Tsy miova ny *toe-panahiny*. Il n'est pas d'— à se laisser gouverner. Tsy *te*-hofehipehezina izy. 3°—, Hasosorana, halonilony, haitraitra. Cet homme a toujours de l'—. *Soso*-dava, *malonilony* lava io lehilahy io. Il est de mauvaise—. *Malonilony* izy. C'est une mauvaise—qui lui a pris. *Haitraitra* fotsiny no nahazo azy.

HUMIDE, *adj*. Mando, merimerika. La terre est encore—. Mbola *mando* ny tany. Une chambre—. Efi-trano *mando*. Il a les mains humides. *Mando* ny tánany. Il a les yeux humides de larmes. *Merimerika* ny masony. || *loc*. L'— élément. Ny rano.

HUMIDEMENT, *adv*. Amy ny fitoerana mando. Il est logé—. Mitoetra *amy ny fitoerana mandomando* izy.

HUMIDITÉ, *sf*. Hamando, hamandoana, ny mando.

HUMILIANT, ANTE, *adj*. Mahamenatra, mampahamenatra, mampangaihay. Il lui fit une réprimande humiliante. Nanao fananarana *nahamenatra*, etc., azy izy.

HUMILIATION, *sf*. 1° Henatra, fangaihay. Je n'ai pu le voir dans une si grande — sans lui pardonner. Tsy zakako ny nahita azy *menatra, nangaihay* mafy loatra, ka navelako ny hadisoany. 2° —, Fanetren-tena. Les infirmités humaines sont un sujet d'— pour nous. Ny halementsika olombelona no antony *anetrentsika tena*. 3°—, Zavatra mampahamenatra, — mampangaihay. C'est une grande — pour lui. *Zavatra mampahamenatra*, etc., azy loatra izany.

HUMILIER, *va*. Manetry, mampahamenatra, mampangaihay. Dieu humilie les superbes. Andriamanitra *manetry* ny mpiavonavona. Je l'ai humilié. *Nampahamenatra, nampangaihay* azy aho.

S'humilier, *vpr*. Manetry tena, mietry tena.

HUMILITÉ, *sf.* Fanetren-tena. Il avoua sa faute avec une grande—. Niaiky ny badisoany tamim-*panetren-tena* lehibe izy.

HUMUS, *sm.* Tany lonaka.

***HUNE,** *sf.* Talantalana ao an-tenatenan' ny salazan-tsambo.

***HUNIER,** *sm.* Lain-tsambo faharoa amy ny salazan-tsambo. Grand —. *Lain-tsambo faharoa amy ny salazaben-tsambo.* Petit—. *Lain-tsambo fahároa amy ny salazan-tsambo* aloha.

***HUPPE,** *sf.* Boto.

***HUPPÉ, ÉE,** *adj.* 1° Misy boto. Poule huppée. Akoho *bolo,* — satroka. 2° *fig* Ambony toetra, mpanan-karena. C'est une personne huppée. Olona *ambony toetra,* etc.. izy.

***HURE,** *sf.* Loham-biby sasany. Une — de sanglier. *Lohan*-dambo.

***HURLEMENT,** *sm.* 1° Fitomany valala, finaonaona. 2° *fig.* Fidradradradra, figogogogo. Elle poussait des hurlements de douleur. *Nigogogogo* noho ny alahelony izy.

***HURLER,** *vn.* 1° Mitomany valala, minaonaona. Le chien a hurlé toute la nuit. *Nitomany valala, ninaonaona* nandritra ny alina ny alika. 2° *fig.* Midradradradra, migogogogo. Il hurle de rage. *Midradradradra* noho ny hatezerana izy.

HURLUBERLU, *sm.* Olona kely atidoha, olona maivan-doha.

***HUSSARD,** *sm.* Karaza-miaramila mitaingin-tsoavaly.

***HUTTE,** *sf.* Trano tomboka.

HYDRAULIQUE, *adj.* Momba ny fampakaran-drano. La science —. Ny fahaizana *mampaka-drano.*

HYDRE, *sf.* Fananimpitoloha.

HYDROGÈNE, *sm.* Hidrojena.

HYDROMEL, *sm.* Fisotro atao amy ny tantely sy rano.

HYDROPHOBE, *adj.* et *s.* Tsy tia rano, romotra.

HYDROPIQUE, *adj.* et *s.* Manirano.

HYDROPISIE, *sf.* Manirano.

HYÈNE, *sf.* Karazam-biby mitovitovy amy ny amboadia.

HYGIÈNE, *sf.* Fahaizana momba ny mahasalama.

HYGIÉNIQUE, *adj.* Mahasalama.

HYGROMÈTRE, *sm.* Famantarana ny hamando sy ny hamainan' ny aera.

HYGROMÉTRIE, *sf.* Fahaizana momba ny hamando sy ny hamainan' ny aera.

HYMEN ou **HYMÉNÉE,** *sm.* Fanambadiana.

HYMNE, *sm.* Hira fiderana.

—, *sf.* Hira fiderana fanao ao an-trano legizy.

HYPERBOLE, *sf.* Fampitomboana, fanitarana. Ce que je vous dis n'est point une —. Izao lazaiko izao tsy *mitombo,* tsy *mitatra,* tsy *nitarina.*

HYPERBOLIQUE, *adj.* Mampitombo, manitatra. Expressions hyperboliques. Teny *mampitombo,* etc.

HYPERBOLIQUEMENT, *adv.* Mampitombo, manitatra.

HYPERBORÉE ou **HYPERBORÉEN, ÉENNE,** *adj.* Any avaratra indrindra.

HYPERDULIE, *sf.* Fanajana fanao aminy Masina Mary.

HYPERTROPHIE, *sf* Fivontosana. — du cœur. *Fivontosan'* ny fo.

HYPOCONDRIAQUE, *adj.* Sorisorena, sosotsosotra, manjoredretra, manjonitra.

HYPOCONDRIE, *sf.* Fahasorisorena, fahasosotsosorana, fanjoredretra, fanjonitra.

HYPOCRISIE, *sf.* Fihatsarambelatsihy.

HYPOCRITE, *adj.* et *s.* Mpihatsaravelatsihy.

HYPOTHÈQUE, *sf.* Antoka. J'ai donné ma maison en —. Nataoko *antoka* ny tranoko.

HYPOTHÉQUÉ, ÉE, *adj.* 1° Natao antoka. 2° *fig.* Être mal —. Marary lava, farofy, sahirana.

HYPOTHÉQUER, *va.* Manome ho antoka.

HYPOTHÈSE, *sf.* Zavatra atao ho marina ao an-tsaina fotsiny. Voy. SUPPOSITION.

HYPOTHÉTIQUE, *adj.* Atao ho marina ao an-tsaina fotsiny.

HYSTÉRIE, *sf.* Aretin-kozatra mpahazo ny vehivavy, kasoa.

HYSTÉRIQUE, *adj.* et *s.* Azon' ny aretin-kozatra mampifanintontsintona.

I

IBIS, *sm.* Voronosy.

ICI, *adv.* Atý, atikitra, eto, etokatra, etoana. Venez—. Avia *atý, atikitra.* Approchez d'—. Manatóna *atý*, etc. Il est venu —la semaine dernière. *Tatý, teto* izy tamy ny herinandro lasa. Il viendra — demain. *Hankatý, hanketo,* ho avy *atý, eto* izy rahampitso. On se conduit chez vous plus sagement qu'—. Tsaratsara kokoa ny fitondran-tenan' ny olona any aminareo noho ny *atý.*

Jusqu'ici, *loc. adv.* Mandraka ankehitriny.

Ici-bas, *loc. adv.* Atý an-tany.

ICONOCLASTE, *sm.* Mpandrava ny sary masina.

IDÉAL, ALE, *adj.* 1° Foronin' ny saina fotsiny, eritreretin' ny saina fotsiny. Un être—. Zavatra *foronin' ny saina fotsiny.* Richesses idéales. Harena *eritreretin' ny saina fotsiny.* 2°—, Lavorary indrindra. Beauté idéale. Hatsaran-tarehy *lavorary indrindra.*

—, *sm.* Hatsarana lavorary indrindra.

IDÉE, *sf.* 1° Hevitra. J'en avais une—tout autre. Hafa lavitra ny *hevitro* ny amin' izany tamin' izay. On n'a pas d'—de cela. Tsy azo *hererina* izany. Il a des idées sublimes. Lalina ny *heviny.* Cela brouille toutes mes idées. Mahavery *hevitra* ahy izany. J'ai dans l'—qu' il ne viendra pas. Araka ny *hevitro* tsy ho avy izy. 2°—, Fahatsiarovana. J'ai vu cet homme-là autrefois, j'en ai quelque—. Efa hitako teo aloha io lehilahy io, ka *tsaroako* kely hiany. 3°—, Ambangovangony. Il a jeté sur le papier l'—de son ouvrage. Nandatsaka an-tsoratra ny *ambangovangon*'ny bokiny izy. 4°—, Hevi-dravina, hevi-potsy. Ce ne sont que des idées. *Hevi-dravina, hevi-potsy* hiany izany.

IDEM, *adv.* Toy ny eo ambony.

IDENTIFIER, *va.* Mampitovy, mampifanaraka.

S'identifier, *vpr.* Mitovy, mifanaraka.

IDENTIQUE, *adj.* Mitovy. Deux et deux sont identiques avec quatre. Roa sy ny roa *mitovy* amy ny efatra.

IDENTIQUEMENT, *adv.* Mitovy.

IDENTITÉ, *sf.* 1° Fitoviana. Il y a—entre ces deux objets. *Mitovy* ireo zavatra roa ireo. 2°—, Ny maha-izy. On a reconnu l'— de cet homme avec celui qui a été signalé à la police. Efa hita fa *izy hiany* no ilay olona nolazaina tamy ny polisy.

IDIOME, *sm.* Fiteny.

IDIOT, OTE, *adj.* et *s.* Adala, gaigy, donána.

IDIOTISME, *sm.* 1° Hadalana, hagegena. 2°—, Fomba fitenenana tsy fanao afatsy amy ny fiteny anankiray. Chaque langue a ses idiotismes. Samy manana ny *fomba fitenenany* avy ny fiteny rehetra.

IDOLÂTRE, *s.* et *adj.* 1° Mpanompo sampy. 2° *fig.* Tia loatra. Cette mère est — de ses enfants. *Tia loatra* ny zanany io reny io.

IDOLÂTRER, *va.* Tia loatra.

S'idolâtrer, *vpr.* 1° Tia tena loatra. 2° —, Mifankatia loatra.

IDOLÂTRIE, *sf.* 1° Fanompoan-tsampy. 2° *fig.* Fitiavana loatra.

IDOLE, *sf.* 1° Sampy. 2° *fig.* Zavatra tiana loatra.

IGNAME, *sm.* Oviala, ovibo, ovifantaka, ovisorokomby, ovitanty.

IGNARE, *adj.* et *s.* Tsy nahita fianarana, tsy mahay.

IGNÉ, ÉE, *adj.* Miteraka afo, mirehitra.

IGNITION, *sf.* Firehetana.

IGNOBLE, *adj.* Tsy mendrika, tsy manjary, vetaveta.

IGNOBLEMENT, *adv.* Tsy mendrika, tsy manjary, vetaveta.

IGNOMINIE, *sf.* Fahafaham-baraka, fanalam-baraka.

IGNOMINIEUSEMENT, *adv.* Amimpahafaham-baraka.

IGNOMINIEUX, EUSE, *adj.* Mahafabaraka, manala baraka. Cela est — pour sa famille. *Mahafa-baraka,* etc., ny fianakaviany izany.

IGNORANCE, *sf.* Tsy fahalalana, tsy fahaizana. Il était dans l'— de ce qui s'est passé. *Tsy nahalala* ny zavatra niseho tamin'izay izy. Ces nations sont dans une grande —. Samy *tsy mahalala, tsy mahay* na inona na inona ireo firenena ireo.

IGNORANT, ANTE, *adj.* et *s.* Tsy mahalala, tsy mahay. Il fait l'— là-dessus. Mody *tsy mahalala* izany izy. Il est fort — en géographie. *Tsy mahay* jeografý velively izy. C'est un médecin —. Dokotera *tsy mahay* izy.

IGNORÉ, ÉE, *adj.* 1° Tsy fantatra. Régions ignorées. Tany *tsy fantatra*. 2° —, Tsy misehoseho. Il vit — du monde. *Tsy misehoseho* amy ny olona izy.

IGNORER, *va.* Tsy mahalala, tsy mahafantatra, tsy mahay. J'en ignore la cause. *Tsy mahalala, tsy mahafantatra* ny anton' izany aho. Il ignore les premiers principes de la religion. *Tsy mahalala, tsy mahay* ny fotopototry ny fivavahana izy.

S'ignorer, *vpr.* Tsy mahalala ny toetry ny tenany.

IGUANE, *sm.* Karazan-tsitry.

IL, *pron. pers. sing. m* Izy, ny. Il vient. Avy *izy*. Que fait— ? Inona no ataony?

Ils, *pl. m.* Izy ireo, ny.

ÎLE, *sf.* Nosy.

ILIAQUE, *adj.* Amy ny moja. Os iliaques. Taola-*moja*.

ILLÉGAL, ALE, *adj.* Manohitra ny lalána. Convention illégale. Fanekena *manohitra ny lalána*.

ILLÉGALEMENT, *adv.* Manohitra ny lalána.

ILLÉGALITÉ, *sf.* Fanoherana ny lalána.

ILLÉGITIME, *adj.* 1° Tsy marina. Mariage —. Fanambadiana *tsy marina*. ‖ *loc.* Enfant —. Zazasary, zaña-dranitra. 2° —, Tsy mety, tsy araka ny rariny. Désirs illégitimes. Faniriana *tsy mety*.

ILLÉGITIMEMENT, *adv* 1° Tsy marina. 2° —, Tsy mety, tsy araka ny rariny. Il prétend cela —. Mitady izany *tsy araka ny rariny* izy.

ILLÉGITIMITÉ, *sf.* Tsy fahamarinana.

ILLETTRÉ, ÉE, *adj.* Tsy nahita fianarana, tsy mahay.

ILLICITE, *adj.* Tsy mety, manohitra ny lalána. Amour —. Fitiavana *tsy mety*. Conventions illicites. Fanekena *tsy mety*, etc.

ILLICITEMENT, *adv.* Tsy mety, manohitra ny lalána.

ILLIMITÉ, ÉE, *adj.* Tsy misy fetra. Autorité illimitée. Fahefana *tsy misy fetra*.

ILLISIBLE, *adj.* Tsy azo vakina. Écriture —. Soratra *tsy azo vakina*.

ILLUMINATION, *sf.* 1° Fanazavana. 2° —, Jiro betsaka. Il y eut — sur la place publique. Nisy *jiro betsaka* tao amy ny kianja 3° *fig.* Fanazavana.

ILLUMINÉ, ÉE, *p* et *adj.* 1° Nohazavaina, hazavaina, mazava. La ville était illuminée par les feux de joie. Nisy harendrina betsaka *nanazava* ny tanána. 2° —, Misy jiro betsaka.

—, *s.* Mihambo ho tsindrian' Andriamanitra.

ILLUMINER, *va.* 1° Manazava. 2° —, Manisy jiro betsaka. 3° *fig.* Manazava. Seigneur, illuminez mon entendement. Tompo, *hazavao* ny saiko.

ILLUSION, *sf.* 1° Hadisoan-kevitra, fitaka. Quand un bâton paraît rompu dans l'eau, c'est une — des sens. Raha misebo toa tapaka ny tehina atsoboka ao anaty rano, *hadisoan-kevitra* izany, *voafitaka* ny maso. Ce sont des illusions du démon. *Hadisoan-kevitra, fitaka* avy amy ny demony izany. Se faire — à soi-même. *Mamita*-tena. 2° —, Hevi-dravina, hevi-potsy, nofy. Ses prétentions sont une pure —. *Hevi-dravina*, etc., foana izay ihamboany. Le jour vint dissiper les illusions qui avaient enchanté mon sommeil. Ny andro maraina nampisava ny *nofy* nahafinaritra ahy.

ILLUSIONNER, *va.* Mahadiso hevitra.

S'illusionner, *vpr.* Diso hevitra, mamita-tena.

ILLUSOIRE, *adj.* Mamitaka, misy fitaka. Contrat—. Fanekena *mamitaka*, etc.

ILLUSTRATION, *sf.* 1° Laza. Les grands hommes contribuent à l'— de leur pays. Ny olo-malaza mampahazo *laza* ny tanin-drazany. Il a acquis de l'—. Nahazo *laza* izy. 2° —, Olo-malaza. Les illustrations de la France. Ny *olo-malaza* ao Frantsa. 3° —, *pl.* Sary.

ILLUSTRE, *adj.* Malaza, manan-daza, mandeha laza, manehoeho, mangetriketrika. Comme Célèbre.

ILLUSTRÉ, ÉE, *adj.* 1° Nahazo laza. 2° —, Misy sary. Journal —. Gazety *misy sary*.

ILLUSTRER, *va.* 1° Mampahazo laza, mahalaza, mampandeha laza, mampanehoeho, mampangetriketrika. Il a illustré sa famille. *Nampahazo laza* ny fianakaviany izy. De grandes victoires ont illustré son règne. Nisy fandresena lehibe maro *nampahazo laza*, etc., izany mpanjaka izany. 2° —, Manisy sary.

S'illustrer, *vpr.* Mahazo laza, mibamala-za.

ILOT, *sm.* Nosy kely.

IMAGE, *sf.* 1° Sary. Donnez-moi une—. Omeo *sary* aho. Il y a de belles images dans ce livre. Misy *sary* tsara amin' ity boky ity. 2° —, Fitoviana endrika, endrika, tarehy. Dieu a fait l'homme à son —. Andriamanitra nanao ny olona *mitovy endrika* aminy. Il est l'— de son père. *Mitovy endrika* amy ny rainy izy, rainy navela teo izy. Je vois mon —dans l'eau. Hitako ao anaty rano ny *endriko*, ny *tarehiko* 3°—, Fahatsiarovana, fiheverana. Son —me suit partout. Tsy azoko hadinoina ny *fahatsiarovana* azy. Il se fait une— terrible de la mort. *Mihevitra* ny fahafatesana ho mahatsiravina izy. 4°—, Ohatra. Le sommeil est l'—de la mort. *Ohatra* amy ny fahafatesana ny torimaso. Les images donnent du coloris au style. Ny *ohatra* mandrenty ny laha-teny.

IMAGÉ, ÉE, *adj.* Be ohatra. Style —. Laha-teny *be ohatra.*

IMAGER, *va.* Manisy ohatra.

IMAGERIE, *sf.* Fivarotan-tsary.

IMAGINABLE, *adj.* Azo heverina, rahefa mety ho. Tous les malheurs imaginables lui sont arrivés. Nanjó azy avokoa ny fahoriana rehetra izay *azo heverina*, nanjó azy avokoa *rahefa mety ho* fahoriana.

IMAGINAIRE, *adj.* Foronin' ny saina fotsiny, eritreretin' ny saina fotsiny, ao an-tsaina fotsiny. Espaces imaginaires. Habakabaka *foronin' ny saina fotsiny.* Des maux imaginaires. Fahoriana *eritreretin' ny saina fotsiny.* Malade —. Marary *ao an-tsaina fotsiny.*

IMAGINATIF, IVE, *adj.* Mahaforon-javatra betsaka. Il a l'esprit—. *Mahaforon-javatra betsaka* ny sainy.

IMAGINATION, *sf.* 1° Saina, fiheverana, famoronana. Cela m'est venu à l'—. Tonga ao anatin' ny *saiko* izany. Il a l'— fertile. *Mihevitra, mamorona* zavatra betsaka izy. 2°—, Hevi-dravina, hevi-potsy. Il se repait d'imaginations. Faly mamorona *hevi-dravina, hevi-potsy,* manao ariary zato am-pandriana izy.

IMAGINER, *va.* Mihevitra, mamorona. On ne peut rien—de plus surprenant. Tsy azo *heverina* fa misy zavatra mahagaga toy izany. Il ne sait qu'—pour se tirer d'embarras. Tsy hitany izay azony *heverina, foronina* hialany amin' izany fahasahiranana izany.

S'imaginer, *vpr.* Mihevitra, manao. Imaginez-vous un homme riche. *Hevero* mpanan-karena anankiray. Il s'est imaginé que je voulais le tromper. *Noheveriny, nataony* fa nitady hamitaka azy aho.

IMBÉCILE, *adj.* et *s.* Miverin-tsaina, adala, foka, taraiky. Le grand âge l'a rendu —. Ny fahanterana *nampiverin-tsaina* azy. Quel —! Endrey! ilay *adala, foka, taraiky* velona ity!

IMBÉCILEMENT, *adv.* Amin-kadalana.

IMBÉCILITÉ, *sf.* Fiverenan-tsaina, hadalana. Tomber dans l'—. *Miverin-tsaina.*

IMBERBE, *adj.* 1° Tsy mbola vaky somotra, tsy misy volom-bava, malama kely. 2°—, Tanora.

IMBIBÉ, ÉE, *p.* Novontosana, vonto, nobobohana, boboka, ampoka. La terre est imbibée d'eau. *Vonto, bobo*-drano ny tany. Linge— d'huile. Lamba *vonto, ampoky* ny solika.

IMBIBER, *va.* Mamonto, manaboboka. — une éponge. *Mamonto* rano sponjy.

S'imbiber, *vpr.* Vontosana, vonto, mihaboboka.

IMBIBITION, *sf.* Famontosana, havontosana, fanabobohana, habobohana.

IMBROGLIO, *sm.* Comme EMBROUILLEMENT.

IMBU, UE, *adj.* Vonto, feno. Il est — de sages doctrines. *Vonton'* ny fampianarana tsara izy. Son esprit est — de faux principes. *Feno* hevi-diso ny sainy.

IMBUVABLE, *adj.* Tsy azo sotroina.

IMITABLE, *adj.* Azo alain-tahaka, azo ianarana, azo arahina.

IMITATEUR, TRICE, *adj.* et *s.* Maka tahaka, mianatra, manaraka, manao tahaka, manao mitovy.

IMITATIF, IVE, *adj.* Mitovy, manahaka.

IMITATION, *sf.* Fakan-tahaka, fianarana, fanarahana, fanaovana tahaka, fanaovana mitovy. —de Jésus-Christ. *Fianarana* any Jeso-Kristy.

À l'imitation de, *loc. adv.* Tahaka.

IMITER, *va.* 1° Maka tahaka, mianatra, manaraka, manao tahaka, manao mitovy. Le singe imite l'homme. Ny rajako *maka tahaka, mianatra* ny ataon' ny olona. Les Saints ont imité Notre-Seigneur. Ny Olo-masina *naka tahaka, nianatra* ny Tompontsika. Imitez sa conduite. *Maká tahaka, mianara, ma-*

naraha ny ataony, *manaova tahaka* ny ataony. Il imite ma signature. *Maka tahaka* ny soniako izy, *manao* sonia *mitovy* amy ny ahy izy. Ce tableau est imité de Raphaël. Io sary io *nalaintahaka* tamy ny an-dRaphaël. 2°—, Manahaka. Le bruit de cette cascade imite celui du tonnerre. Ny fitrenan' io riana io *manahaka* ny kotro-baratra.

IMMACULÉ, ÉE, *adj*. Tsy azon' ny fahotana tamy ny fototra, madio indrindra. La Vierge immaculée. Ny Virijiny *tsy azon' ny fahotana tamy ny fototra*, etc.

IMMANGEABLE, *adj*. Tsy azo hanina.

IMMANQUABLE, *adj*. Tsy maintsy. Le gain de sa cause est —. *Tsy maintsy* lahery an' ady izy.

IMMANQUABLEMLNT, *adv*. Tsy maintsy. Il arrivera —. *Tsy maintsy* ho tonga izy.

IMMATÉRIALITÉ, *sf*. Tsy fananambatana.

IMMATÉRIEL, ELLE, *adj*. Tsy manam-batana. Les anges sont des êtres immatériels. Ny anjely dia zavatra *tsy manam-batana*.

IMMATRICULATION, *sf*. Fanoratana amy ny rejistry ny fanjakana.

IMMATRICULER, *va*. Manoratra amy ny rejistry ny fanjakana.

IMMÉDIAT, ATE, *adj*. 1° Tsy misy elanelana, indrindra. Il fut son successeur—. Nandimby azy *tsy nisy elanelana* izy. Ce fut la cause immédiate de la guerre. Izany *indrindra* no anton' ny ady. 2°—, Miaraka amin' izay. Son départ fut —. *Niaraka tamin' izay* ny niainy.

IMMÉDIATEMENT, *adv*. 1° Tsy misy elanelana, indrindra. Ma maison est — après la sienne. Manolotra ny azy *indrindra* ny tranoko. 2°—, Miaraka amin' izay.

IMMÉMORIAL, ALE, *adj*. Fahagola. C'est d'un usage —. Fanao *fahagola* izany.

IMMENSE, *adj*. 1° Tsy misy fetra. Dieu est —. Andriamanitra *tsy misy fetra*. 2°—, Tsy hita noanoa, lehibe dia lehibe, be dia be. Il y a un espace — de la terre aux étoiles. Misy elanelana *tsy hita noanoa* amy ny tany sy ny kintana. C'est une forêt —. Ala *lehibe dia lehibe* izany. Il a acquis des richesses immenses. Nahazo harena *be dia be* izy

IMMENSÉMENT, *adv*. 1° Tsy misy fetra. 2°—, Be dia be.

IMMENSITÉ, *sf*. 1° Tsy fisiam-petra. 2°—, Habe.

IMMERGER, *va*. Mandroboka, manatsoboka.

IMMÉRITÉ, ÉE, *adj*. Tsy an-drariny. Reproches immérités. Faniniana *tsy an drariny*.

IMMERSION, *sf*. Fandrobohana, fanatsobohana. Autrefois on baptisait par —. Taloha *naroboka*, *natsoboka* tao anaty rano izay natao batemy.

IMMEUBLE, *sm*. et *adj*. Tany na trano izay ananana.

IMMIGRANT, ANTE, *s*. Mpaka fonenana amy ny tany hafa.

IMMIGRATION, *sf*. Fakam-ponenana amy ny tany hafa.

IMMIGRER, *vn*. Maka fonenana amy ny tany hafa.

IMMINENCE, *sf*. Fanantanona, fahantomotra.

IMMINENT, ENTE, *adj*. Manantanona, antomotra, efa ho, mila, kasa, saika. Il court un danger —. *Manantanona* azy ny loza, *antomotra* ny loza izy, *efa, mila* hahita loza izy. Il a couru un danger—. *Kasa, saika* nahita loza izy.

IMMISCER (S'), *vpr*. Misisika, misalovana. Il s'immisce dans les affaires d'autrui. *Misisika* amy ny raharahan' ny sasany izy, *misalovana* ny raharahan' ny sasany izy.

IMMIXTION, *sf*. Fisisihana, fisalovanana.

IMMOBILE, *adj*. 1° Tsy mihetsika On croyait autrefois que la terre est —. Taloha nataon' ny olona fa *tsy mihetsika* ny tany. 2° *fig*. Tsy mihontsina. Il resta —. *Tsy nihontsina* izy.

IMMOBILIER, IÈRE, *adj*. Momba ny tany na trano izay ananana. Vente immobilière. Fivarotan-*tany na trano izay ananan'* olona.

IMMOBILITÉ, *sf*. Tsy fihetsehana.

IMMODÉRÉ, ÉE, *adj*. Mihoatra ny mety, diso ohatra, mihoa-pampana, be loatra. Zèle —. Fahazotoana *mihoatra ny mety*, etc. Comme Excessif.

IMMODÉRÉMENT, *adv*. Be loatra. Boire —. Misotro *be loatra*.

IMMODESTE, *adj*. Tsy maotona, jejo, tsy mety.

IMMODESTEMENT, *adv*. Amy ny tsy fahamaotonana, amim-pijejojejoana, tsy

mety. Elle s'habille—. Manao fitafian'olon-*jejo* izy. Parler—. Milaza *teny tsy mety.*

IMMODESTIE, *sf.* Tsy fahamaotonana, hajejoana, tsy fetezana.

IMMOLATION, *sf.* Fisoronana.

IMMOLER, *va.* 1° Misorona, manao sorona.—un agneau. *Misorona, manao sorona* zanak' ondry. 2°—, Mamono. Caïn immola Abel. Kaina *namono* any Abela. 3° *fig.* Mahafoy, mampahita loza. J'ai tout immolé à Dieu. *Nahafoy* ny zavatra rehetra ho an' Andriamanitra aho. —quelqu' un à son ambition. *Mampahita loza* olona noho ny fitsiriritam-boninahitra.

S'immoler, *vpr.* 1° Manao sorona ny tenany, mahafoy ny ainy. Jésus-Christ s' est immolé pour nous sur la croix. Jeso-Kristy *nanao sorona ny tenany, nahafoy ny ainy* ho antsika teo ambonin' ny hazo-fijaliana. 2° *fig.* Mahafoy tena, mahafoy aina. Il s'immole pour le bien de sa patrie. *Mahafoy tena* mba hanasoa ny tanin-drazany izy.

IMMONDE, *adj.* Maloto. L'esprit—. Ny fanahy *maloto.*

IMMONDICE, *sf.* Fakofako, firinga.

IMMORAL, ALE, *adj.* Ratsy fitondran-tena, vetaveta. Homme—. Olona *ratsy fitondran-tena,* etc. Livre—. Boky *vetaveta.*

IMMORALITÉ, *sf.* Fitondran-tena ratsy, fahavetavetana.

IMMORTALISER, *va.* Mampaharitra mandrakizay. Ses victoires ont immortalisé son nom. Ny fandresena nataony *nampaharitra mandrakizay* ny anarany.

S' immortaliser, *vpr.* Mampaharitra mandrakizay ny anarany.

IMMORTALITÉ, *sf.* 1° Tsy fetezana ho faty. 2° *fig.* Faharetana mandrakizay.

IMMORTEL, ELLE, *adj.* 1° Tsy mety maty. Notre âme est immortelle. *Tsy mety maty* ny fanahintsika. 2° *fig.* Maharitra mandrakizay. Il a acquis une gloire immortelle. Nahazo voninahitra *maharitra mandrakizay* izy.

IMMORTELLE, *sf.* Mafikely.

IMMORTIFICATION, *sf* Fanaranampo, fanaranam-batana, fanaranan-tena.

IMMORTIFIÉ, ÉE, *adj.* Manarampo, manaram-batana, manaran-tena.

IMMUABLE, *adj.* Tsy mety miova, tsy manam-piovana. Dieu seul est—. Andriamanitra irery no *tsy mety miova,* etc. Les décrets de Dieu sont immuables. *Tsy manam-piovana* ny fandaharan' Andriamanitra.

IMMUABLEMENT, *adv.* Tsy misy fiovana.

IMMUNITÉ, *sf.* Fanafahana. Comme Exemption.

IMMUTABILITÉ, *sf.* Tsy fiovana.

IMPAIR, AIRE, *adj.* Tsy ankasa. Cinq est un chiffre—. Isa *tsy ankasa* ny dimy.

IMPALPABLE, *adj.* Tsy azo tsapaina.

IMPARDONNABLE, *adj.* Tsy azo avela, tsy azo ifonana. Faute—. Hadisoana *tsy azo avela,* etc.

IMPARFAIT, AITE, *adj.* 1° Tsy lavorary, tsy tontosa. Cet ouvrage est encore —. *Tsy* mbola *lavorary, tsy* mbola *tontosa* izany boky izany. 2°—, Tsy tsara loatra. La guérison est encore imparfaite. *Tsy* mbola sitrana *tsara loatra* izy.

IMPARFAITEMENT, *adv.* 1° Tsy lavorary. 2°—, Tsy tsara loatra.

IMPARTIAL, ALE, *adj.* Tsy miangatra, tsy mizaha tavan'olona, tsy manao fitsara-mitanila, marina. Juge—. Mpitsara *tsy miangatra,* etc. Historien —. Mpitantara *tsy miangatra, tsy mizaha tavan' olona, marina.* Il a prononcé un jugement —. Nanao fitsarana *marina* izy.

IMPARTIALEMENT, *adv.* Tsy amim-piangarana, tsy an-kizaha tavan' olona, araka ny rariny, araka ny marina.

IMPARTIALITÉ, *sf.* Tsy fiangarana, tsy fizahan-tavan' olona, fahamarinana.

IMPASSE, *sf.* 1° Lálana tampina. 2° *fig.* Fahasahiranana. Il est sorti de cette —. Afaka tamin' izany *fahasahiranana* izany izy.

IMPASSIBILITÉ, *sf.* 1° Tsy fahazoana mijaly. 2° *fig.* Tsy fihontsina.

IMPASSIBLE, *adj.* 1° Tsy mahazo mijaly. Les corps glorieux sont impassibles. *Tsy mahazo mijaly* intsony ny vatana tafatsangana amy ny maty. 2° *fig.* Tsy mihontsina. Les martyrs étaient impassibles au milieu des tourments. *Tsy nihontsina* tao afovoan' ny fijaliana ny martiry.

IMPATIEMMENT, *adv.* Amim-pahasosorana, tsy amim-pandeferana, tsy mahandry.

IMPATIENCE, *sf.* Fahasosorana, tsy fandeferana, tsy fahandrasana. Il a des impatiences. *Sosotra* izy. Il est dans l'—

de vous voir. *Tsy andriny* ny habita anao, maika hahita anao izy.

IMPATIENT, ENTE, *adj.* Sosotra, tsy mahalefitra, tsy mahazaka. tsy mahandry. Il est trop—. *Sosotra* loatra izy. Ce malade est—. *Tsy mahalefitra, tsy mahazaka* aretina io marary io. Il est—de partir. *Tsy andriny* ny hiala.

IMPATIENTANT, ANTE, *adj.* Mahasosotra.

IMPATIENTER, *va.* Mahasosotra.

S'impatienter, *vpr.* Sosotra. Ne vous impatientez pas, il va arriver. Aza *sosotra* foana, fa ho avy izy.

IMPATRONISER (S'), *vpr.* Mivolontompony, milohaloha.

IMPAYABLE, *adj.* 1° Tokony tsy handalam-bola aman-karena. Œuvre—. Zavatra *tokony tsy handalam-bola aman-karena.* 2° *fig.* Mahatsikaiky. Aventure—. Zavatra *mahatsikaiky.*

IMPECCABILITÉ, *sf.* Tsy fahazoana manota.

IMPECCABLE, *adj.* Tsy mahazo manota.

IMPÉNÉTRABILITÉ, *sf.* 1° Ny tsy ahazoana ho laitra, — ho tanteraka. 2° *fig.* Ny tsy ahazoana fantarina.

IMPÉNÉTRABLE, *adj.* 1° Tsy laitra, tsy tanteraka. Cette cuirasse est— aux balles. *Tsy laitry* ny bala io akanjo vy io. Cuir— à l'eau. Hoditra *tsy tantera-drano.* 2°—, Tsy azo idirana. Forêt—. Ala *tsy azo idirana.* 3° *fig.* Tsy azo fantarina, tsy takatry ny saina. Les desseins de Dieu sont impénétrables. *Tsy azo fantarina,* etc., ny hevitr' Andriamanitra.

IMPÉNITENCE, *sf.* Tsy fibebahana.

IMPÉNITENT, ENTE, *adj.* Tsy mibebaka. Il est mort—. Maty *tsy nibebaka* izy.

IMPÉRATIF, IVE, *adj.* Manao teny tokana, manao teny tsy valiana. Il parle d'un air—. *Manao teny tokana,* etc., izy.

IMPÉRATIVEMENT, *adv.* Mafy.

IMPÉRATRICE, *sf.* Vadin' ny emperora, mpanjakavavy.

IMPERCEPTIBLE, *adj.* 1° Tsy hita maso jerena. Animalcule—. Biby kely *tsy hita maso jerena.* 2°— Tsy re. Odeur presque—. Fofona saika *tsy re.*

IMPERCEPTIBLEMENT, *adv.* Tsikelikely. Cela se fait—. Atao *tsikelikely* izany.

IMPERDABLE, *adj.* Tsy maintsy hahery, — hahazo. C'est un procès—. *Tsy maintsy hahery* amin' izany ady izany.

IMPERFECTION, *sf.* 1° Tsy fahalavorariana, tsy fahatontosana. 2°—, Kilema, tsiny, takaitra, hadisoana. On ne découvre aucune — dans ce tableau. Tsy hita izay *hilema, tsinin'* io sary io na dia kely aza. Tous les hommes sont pleins d'imperfections. Samy maro *kilema, tsiny, takaitra* avokoa ny olombelona rehetra. On doit supporter les imperfections de ses amis. Tsy maintsy bol·ferina ny *kilema, hadisoan'* ny sakaiza.

IMPÉRIAL, ALE, *adj.* Any ny emperora. Couronne impériale. Satro-boninahitry *ny emperora.*

IMPÉRIALE, *sf.* Rihana amy ny kalesy.

IMPÉRIEUSEMENT, *adv.* Mafy, anavonavona. Parler—. Miteny *mafy,* etc.

IMPÉRIEUX, EUSE, *adj.* 1° Manao teny tokana, manao teny tsy valiana, miavonavona. 2° *fig.* Indrindra. C'est d'une nécessité impérieuse. Tsy maintsy hatao *indrindra* izany.

IMPÉRISSABLE, *adj.* Tsy mety levona. Gloire—. Voninahitra *tsy mety levona.*

IMPÉRITIE, *sf.* Tsy fahaizana.

IMPERMÉABILITÉ, *sf.* Ny tsy etezana ho tantera-drano, — ho lena.

IMPERMÉABLE, *adj.* Tsy mety tantera-drano, tsy mety lena. Cuir—. Hoditra *tsy mety tantera-drano, tsy mety lena.*

IMPERSONNEL, *adj. m.* Verbe—. Verba tsy misy afa-tsy ny persona fahatelo irery hiany.

IMPERTINEMMENT, *adv.* Amimpidaondaonam-bava, tsy mety.

IMPERTINENCE, *sf.* 1° Fidaondaonam-bava. 2°—, Zavatra tsy mety, — mahatezitra. Il dit des impertinences. Milaza *zavatra tsy mety,* etc., izy.

IMPERTINENT, ENTE, *adj.* et *s.* 1° Midaondaom-bava, manao zavatra tsy mety. C'est un enfant —. Zaza kely *midaondaom-bava,* etc., io. 2°—, Tsy mety, mahatezitra. Paroles impertinentes. Teny *tsy mety,* etc.

IMPERTURBABILITÉ, *sf.* Tsy fihontsinana, tsy fahatairana, tsy fiahanahanana, tsy fisalasalana.

IMPERTURBABLE, *adj.* Tsy mihontsina, tsy mety taitra, tsy miahanahana, tsy misalasala.

IMPERTURBABLEMENT, *adv.* Tsy aman-tahotra, tsy amim-pisalasalana.

IMPÉTUEUSEMENT, *adv.* 1° Mafy. 2° *fig.* Amin-karisihana, amin-katezerana.

IMPÉTUEUX, EUSE, *adj.* 1° Mafy, mifofofofo, mirimorimo, mimamamama, mimaona. Vent —. Rivotra *mafy, mifofofofo, mimamamama*. Torrent —. Riaka *mirimorimo, mimamamama*. Fleuve —. Ony *mirimorimo, mimaona*. 2° *fig.* Mafy, mirehitra, marisika, mora tezitra. Colère impétueuse. Hatezerana *mafy, mirehitra*. Jeune homme —. Tovolahy *marisika, mora tezitra*.

IMPÉTUOSITÉ, *sf.* 1° Hamafy, fifofofofo, firimorimo, fimamamama, fimaona. 2° *fig.* Hamafy, firehitra, faharisihana, hasarotam-po.

IMPIE, *adj.* 1° Mankahala ny fivavahana, tsy mivavaka. 2° —, Manohitra ny fivavahana. Ouvrage —. Boky *manohitra ny fivavahana*.

—, *s.* Olona mankahala ny fivavahana, —tsy mivavaka. C'est un —. *Olona mankahala ny fivavahana* izy, etc.

IMPIÉTÉ, *sf.* 1° Fankahalana ny fivavahana. 2°—, Zavatra manohitra ny fivavahana. Il dit des impiétés. Milaza *zavatra manohitra ny fivavahana* izy.

IMPITOYABLE, *adj.* Tsy mamindra fo, tsy mifaditrovana, masiaka, lozabe, tsy mitondra roa.

IMPITOYABLEMENT, *adv.* Tsy amim-pamindram-po, amin-kasiahana, amin-kalozana, tsy amim-pitondrandroa.

IMPLACABLE, *adj.* Tsy mety miononana, — mitony. Homme —. Olona *tsy mety mionona*, etc.

IMPLANTATION, *sf.* Fanatsatohana, fitsatohana.

IMPLANTER, *va.* Manatsatoka.

S'implanter, *vpr.* Mitsatoka.

IMPLICITE, *adj.* Ao anatiny na dia tsy voatonona aza. Cela est contenu dans le contrat d'une manière —. *Ao anatin'* ny fanekena izany *na dia tsy voatonona aza*.

IMPLICITEMENT, *adv.* Ao anatiny na dia tsy voatonona aza.

IMPLIQUÉ, ÉE, *p.* et *adj.* Nahizina, tafahizina, mihizina, nahitsoka, tafahitsoka, mihitsoka. Il est — dans une affaire désagréable. *Tafahizina, mihizina, tafahitsoka, mihitsoka* amy ny raharaha kary izy.

IMPLIQUER, *va.* 1° Mampihizina, manizina, mampihitsoka. 2°—, Misy. Cela implique contradiction. *Misy* zavatra mifanohitra izany.

IMPLORER, *va.* Mitalaho, mangataka mafy, mifompona. Il implorait Dieu dans son affliction. *Nitalaho* tamin' Andriadriamanitra tamy ny fahoriany izy. Il implorait l'assistance de Dieu. *Nangata*-bonjy tamin' Andriamanitra izy. Il implorait la clémence du vainqueur. *Nifompona* tamy ny mpandresy mba hamindra fo aminy izy.

IMPOLI, IE, *adj.* et *s.* Tsy mahalala fomba, tsy manaja, tsy misy fanajana. Homme —. Olona *tsy mahalala fomba, tsy manaja*.

IMPOLIMENT, *adv.* Tsy amim-panajana.

IMPOLITESSE, *sf.* Tsy fahalalana fomba, tsy fanajana. Il m'a fait une —. *Tsy nanaja* ahy izy.

IMPOLITIQUE, *adj.* Tsy amim-pahendrena. Guerre —. Ady atao *tsy amim-pahendrena*.

IMPOLITIQUEMENT, *adv.* Tsy amim-pahendrena.

IMPONDÉRABLE, *adj.* Tsy azo lanjaina.

IMPOPULAIRE, *adj.* 1° Tsy tian' ny vahoaka. Loi —. Lalàna *tsy tian' ny vahoaka*. 2°—, Mangidy hoditra amy ny vahoaka. Homme —. Olona *mangidy hoditra amy ny vahoaka*.

IMPOPULARITÉ, *sf.* Ngidin-koditra.

IMPORTANCE, *sf.* Halehibe Je connais l'—de cette affaire. Fantatro ny *halehiben'* izany raharaha izany. ‖ *loc.* C'est une personne d'une grande—. Olona mahatarika, mahavita be, mahamena-maso izy. Il fait l'homme d'—. Mihambohambo foana, manandriandrian-tena foana izy.

D'importance, *loc. adv.* Mafy dia mafy.

IMPORTANT, ANTE, *adj.* 1° Lehibe, be vava, mahasoa. Cette affaire est importante. Raharaha *lehibe, be vava* izany. 2°—, Mahatarika, mahavita be, mahamena-maso. Personnage—. Olona *mahatarika*, etc.

—, *sm* 1° Zavatra lehibe. L'— quand on est jeune, est de travailler. Ny *zavatra lehibe* raha mbola tanora, dia ny miasa.

2°—, Mpihambohambo foana. Faire l'—. *Mihambohambo foana.*

IMPORTATION, *sf.* Fampidiram-barotra. varotra ampidirina. Les importations ont dépassé les exportations. Ny *zavatra nampidirina* mihoatra noho ny navarina.

IMPORTER, *va.* Mampiditra varotra.

IMPORTER, *vn.* Mahasoa, maninona, mampaninona. Il vous importe beaucoup d'aller à Tamatave. *Mahasoa* anao indrindra ny mankany Toamasina. J'y périrai, n'importe. Na dia ho faty any aza aho, tsy *maninona,* tsy *mampaninona.* Que vous importe cela? *Mampaninona* anao izany? Peu m'importe que vous partiez ou que vous restiez. Tsy *mampaninona* ahy, tsy ahoako na handeha hianao na hijanona. || *loc.* N'importe qui. Na iza na iza. N'importe par quel moyen. Na manao ahoana na manao ahoana.

IMPORTUN, UNE, *adj.* et *s.* Manahirana, mahasosotra, mahadikidiky. || *loc.* Faire des demandes importunes. Manao hata-piso, — lemozy, — hatak'adala.

IMPORTUNER, *va.* Manahirana, manakotrana, manelingelina, mahasosotra, mahadikidiky. Il m'importune sans cesse. *Manahirana* ahy lalandava izy — en allant et venant. *Manelingelina.* Les tentations m'importunent. *Manakotrana, manelingelina* ahy ny fakam-panahy. Le bruit des cloches m'importune. Ny feon-dakolosy *mahasosotra, mahadikidiky* ahy.

IMPORTUNITÉ, *sf.* Fanahiranana, fanaovana hata-piso, — lemozy, — hatak' adala.

IMPOSANT, ANTE, *adj.* 1° Mahatehanaja, mahamena-maso. Il a une attitude imposante. *Mahate-hanaja, mahamena-maso* ny toetrany. 2°—, Mahagaga, mahatalanjona. C'était un spectacle —. *Nahagaga,* etc., ny zavatra hita tao. 3°—, Lehibe. Le roi réunit des forces imposantes. Namory tafika *lehibe* ny mpanjaka.

IMPOSÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Napetraka. 2°—, Voadidy, nodidiana, voatery, noterena. 3°—, Nampandoavina.

—, *s.* Mpandoa hetra.

IMPOSER, *va.* 1° Mametraka. — les mains. *Mametra*-tánana. 2°—, Mandidy, manery. On lui a imposé une tâche difficile. Raharaha sarotra no *nodidiany* hataony. Il m'a imposé une longue pénitence. *Nodidiany* hanao asa fivalozana lava aho. —silence. *Mandidy* mba hangina, mampangina. Je ne prétends pas vous— mon opinion. Tsy ta-*hanery* anao hanaraka ny hevitro aho. 3° —, Mampandoa hetra. Il imposa un tribut sur la province conquise. *Nampandoa hetra* ny fari-tany nampanaikeny izy. 4°—, Mahamena-maso, mampatahotra. Son attitude m'impose. *Mahamena-maso* ahy ny toetrany. Notre courage imposa aux ennemis. *Nampatahotra* ny fahavalo ny herim-pontsika. || *loc.* En—. Mamitaka. Il voulait en—à ses juges. Nitady *hamitaka* ny mpitsara azy izy.

S'imposer, *vpr.* Misosososo tsy asaina, mijolonjolona.

IMPOSITION, *sf.* 1° Fametrahana.— des mains. *Fametrahan*-tánana. 2°—, Hetra. —excessive. *Hetra* be loatra.

IMPOSSIBILITÉ, *sf* 1° Ny tsy ahazoana atao,—heverina, tsy fahazoana, tsy fahafahana, tsy maha.... Il est dans l'— de parler. *Tsy mahazo, tsy afa*-miteny, *tsy mahateny* izy. 2°—, Sampona lehibe. Surmonter les impossibilités. Mandresy ny *sampona lehibe.*

IMPOSSIBLE, *adj.* 1° Tsy azo atao, tsy azo heverina, tsy mahazo, tsy afaka, tsy maha.... Il n'y a rien d'—à Dieu. Tsy misy zavatra *tsy azon'* Andriamanitra *atao.* Il est—qu' un fleuve remonte vers sa source. *Tsy azo heverina* fa hiorika ny ony. Il m' est— de faire cela. *Tsy mahazo, tsy afa*-manao izany. *tsy mahavita* izany aho. 2°—, Sarotra dia sarotra. Il lui est—d'être sage. *Sarotra dia sarotra* ho azy ny ho hendry.

—, *sm.* Izay azo atao, izay tratry ny aina. Je ferai l'—. Hataoko *izay azoko atao,* izay *tratry ny aiko.*

Par impossible, *loc. adv.* Raha azo atao.

IMPOSTE, *sf.* Varavaram-pitaratra ambony varavarana.

IMPOSTEUR, *sm.* Mpamitaka, mpanandoka. Mahomet était un habile—. *Mpamitaka,* etc., fetsy Mahometa.

IMPOSTURE, *sf.* Fitaka, fihatsarambelatsihy. Toute sa vie n'a été qu'une—. *Fitaka,* etc., fotsiny no nataony tamy ny andro niainany rehetra.

IMPÔT, *sm.* Hetra, isam-pangady, haba, hajia, fadin-tseranana. Lever l'—. Mampandoa *hetra.*— sur les rizières. *Isampangady.* Voy. CONTRIBUTION.

IMPOTENT, ENTE, *adj.* et *s.* Malemy,

maty tánana. Il est—d'une jambe. *Malemy* tongotra ankilà izy. Voy. ESTROPIÉ.

IMPRATIQUABLE, *adj.* 1° Tsy azo tanterahina. 2°—, Tsy azo aleha. Chemin —. Lálana *tsy azo aleha.*

IMPRÉCATION, *sf.* Fanozonana, ozona, fanompana, ompa, fisahatoana, fitsitsihana, fisarikoana. Faire des imprécations contre quelqu'un. *Manozona, manompa, misahato, mitsitsika, misariko* olona. Faire des imprécations contre soi-même. *Manozon*-tena, *manompa* tena.

IMPRÉCATOIRE, *adj.* Misy fanozonana, — fanompoana. Formules imprécatoires. Teny *fanozonana,* etc.

IMPRÉGNÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Novontosana, vonto, nofenoina, feno, nasiana, misy. Vos habits sont imprégnés de cette odeur. *Feno, misy* izany fofona izany ny akanjonao. 2° *fig.* Feno. Son esprit est — de préjugés. *Feno* hevi-diso ny sainy.

IMPRÉGNER, *va.* Mamonto, mameno, manisy. — une étoffe d'une matière colorante. *Mamonto* lamba amy ny ranondoko.

S'imprégner, *vpr.* Vonto, feno, misy.

IMPRENABLE, *adj.* Tsy azo alana, tsy azo anihina. tsy mety afaka. Ville—. Tanàna *tsy azo alana,* etc.

IMPRESCRIPTIBILITÉ, *sf.* Ny tsy ahazoana arahina.

IMPRESCRIPTIBLE, *adj.* Tsy azo arahina. Il a des droit, imprescriptibles sur cet emplacement. *Tsy azo arahina* amin' io tokotany io izy.

IMPRESSION, *sf.* 1° Marika, dia. Comme EMPREINTE. 2°—, Fanontana. L'— de ce livre est négligée. Tsy voatandrina tsara ny *nanontana* io boky io. 3° —, Fandrenesana. Il est sensible aux moindres impressions de l'air. Mora *mandre* hatsiaka kely, sarotin-katsiaka izy. 4° *fig.* Fahataitrana, fivadibam-po, hevitra, fandrenesana, fahatsiarovana, figagana, fita'anjonana, fientanan'ny fo, fangorahana-po, tse-po. Cette mort fit une forte — sur lui. Izany fahafatesana izany *nahataitra, nampivadi-po* azy. Les premières impressions sont les plus durables. Ny *hevitra* tafalatsaka ao an-tsaina, ny zavatra re ao am-po hatramy ny faha elezana dia maharitra elaindrindra. Les reproches, les caresses ne font aucune — sur lui. Ny faniniana, ny fanambatambazana tsy *manaitra* ny fony, tsy mampihontsina azy velively. Il a laissé ici une mauvaise—de lui. Namela *fahatsiarovan*-dratsy azy teto izy. Cette cathédrale fait —sur moi. *Mahagaga, mahatalanjona* ahy ity katedraly ity. Ce discours a fait — sur lui. *Nampientana ny fony, nampangora-po, nampitsetra* azy izany lahateny izany.

IMPRESSIONNABLE, *adj.* Mora taitra — mivadi-po, — gaga, — talanjona, — mangora-po, — mitse-po, — onéna.

IMPRESSIONNER, *va.* Mahataitra, mampivadi-po, mahagaga, mahatalanjona. mampangora-po, mampitsetra, mahonéna.

S'impressionner, *vpr.* Taitra, mivadi-po, gaga, talanjona, mangora-po, mitse-po, onéna.

IMPRÉVOYANCE, *sf.* Tsy fiahiana ny ho avy.

IMPRÉVOYANT, ANTE, *adj.* Tsy miahy ny ho avy. La jeunesse est imprévoyante. Tsy *miahy ny ho avy* ny tanora.

IMPRÉVU, UE, *adj.* Tsy nampoizina, tsy nahina. Mort imprévue. Fahafatesana *tsy nampoizina, tsy nahina.*

IMPRIMÉ, ÉE, *p.* 1° Voatomboka, notombohina, voatonta, natonta, notontaina. 2° *fig.* Tafalatsaka, nalatsaka.

—, *sm.* Taratasy voatonta.

IMPRIMER, *va.* 1° Manomboka, manonta. — un sceau sur de la cire. *Manomboka* savoka amy ny fitomboka.— une étoffe. *Manonta* lamba. — un livre. *Manonta* boky. 2°—, Mampanonta. Il n'a encore imprimé aucun livre. Tsy mbola *nampanonta* boky izy na dia iray akory aza. 3°—, Mampi...., mampan.... La main imprime le mouvement à la machine. Ny tánana *mampi*hetsika ny milina 4° *fig.* Mandatsaka, mitarika. Il faut—la crainte de Dieu dans le cœur des enfants. Tokony *halatsaka* ao ampon'ny zaza kely ny fahatahorana an' Andriamanitra. Une belle action imprime le respect. Ny soa atao *mitarika* fanajana.

S'imprimer, *vpr.* 1° Atonta. Mon livre s'imprime. *Atonta* izao ny boky natao-ko. 2°—, Misy marika. Ses pas s'imprimaient sur la sable.. *Nisy marika* ny dian-tongotr'y tamy ny fasika. 3° *fig.* Mi-latsaka.

IMPRIMERIE, *sf.* 1° Fanaovam-printy, fanontana printy. 2°—, Fomba fanontana printy. Il a acheté une—. Nividy ny *fomba fanontana printy* izy. 3°—, Trano fanaovana printy.
IMPRIMEUR, *sm.* Mpanao printy, mpanonta printy.
IMPROBABLE, *adj.* Toa tsy marina.
IMPROBATEUR, TRICE, *adj.* et *s.* Maniny.
IMPROBATION, *sf.* Faniniana. ‖ *loc.* Faire entendre un murmure d'—. Mimonomonona.
IMPROBITÉ, *sf.* Haratsiam-panahy.
IMPRODUCTIF, IVE, *adj.* 1° Tsy mahavokatra. Terrain —. Tany *tsy mahavokatra.* 2°—, Tsy miteraka, tsy mitombo. Capitaux improductifs. Vola *tsy miteraka,* etc.
IMPROMPTU, *sm.* et *adj.* Zavatra atao tampoka.
IMPROPRE, *adj.* Tsy mety. Terme—. Teny *tsy mety.*
IMPROPREMENT, *adv.* Tsy mety.
IMPROPRIÉTÉ, *sf.* Tsy fetezana.
IMPROUVER, *va.* Maniny.
IMPROVISATEUR, TRICE, *s.* 1° Mpanao laha-teny tampoka, mpanao tonon-kira—, mpanao hira—. 2°—, Zavatra atao tampoka.
IMPROVISATION, *sf.* 1° Fanaovana laha-teny tampoka, fanaovana tononkira —, fanaovana hira —.
IMPROVISER, *vn.* et *va.* Manao lahateny tampoka, manao tonon-kira—, manao hira —.
S'improviser, *vpr.* Atao tampoka.
IMPROVISTE (À L'), *loc. adv.* Tampoka. Attaquer à l'—. Mamely *tampoka,* manao sovok' ady. Attaquer à l'— pendant la nuit. Manao *sovok'* alina.
IMPRUDEMMENT, *adv.* Tsy amimpahendrena, tsy amim-pahamalinana. Il parle —. Miteny *tsy amim-pahamalinana,* mandefa teny tsy voa hevitra izy.
IMPRUDENCE, *sf.* Tsy fahendrena, tsy fahamalinana. Il a fait cela par —. Nanao izany izy noho ny *tsy fahamalinany.*
IMPRUDENT, ENTE, *adj.* et *s.* Tsy hendry, tsy malina.
IMPUBÈRE, *adj.* et *s.* Sakan-jaza.
IMPUDEMMENT, *adv.* Amin-kasahiana loatra.
IMPUDENCE, *sf.* Tsy fahalalana menatra, hasahiana loatra.
IMPUDENT, ENTE, *adj.* et *s.* Tsy mahalala menatra, tsy valahara, tsy vaky afero, tsy vaky atatra, sahy loatra. Comme EFFRONTÉ.
IMPUDEUR, *sf.* Tsy fahalalana menatra, hajejoana, hasahiana loatra.
IMPUDICITÉ, *sf.* Hajejoana, hajanga, fijangajangana, havetavetana.
IMPUDIQUE, *adj.* et *s.* Jejo, janga, mpijangajanga, vetaveta.
IMPUDIQUEMENT, *adv.* Amin-kajejoana, amin-kavetavetana.
IMPUISSANCE, *sf.* Tsy fahazoana, tsy fananan-kery. Je suis dans l'— de vous aider. *Tsy mahazo* manampy anao aho.
IMPUISSANT, ANTE, *adj.* Tsy mahazo, tsy manan-kery, foana. Ses ennemis sont impuissants. *Tsy manan-kery* akory ny fahavalony. Il fait des efforts impuissants. Manasa-tena *foana* izy.
IMPULSIF, IVE, *adj.* Manosika.
IMPULSION, *sf.* 1° Fanosehana. La plus légère—fait marcher la machine. Ny *fanosehana* ny milina kely foana mampandeha azy. 2° *fig.* Famporisihana, fitarihana, fitaomana. Ces récompenses donnèrent une—nouvelle aux études. Ireo valisoa ireo *namporisika* mba hianatra indray. Il obéit aux impulsions d'une volonté étrangère. Mety ho *taritina, taomin'* ny olon-kafa izy.
IMPUNÉMENT, *adv.* Afa-potsiny, afamaina. Il vole—. Mangalatra izy ka *afapotsiny,* etc.
IMPUNI, IE, *adj.* Afa-potsiny, afa-maina, tsy voa fay, tsy faizina, tsy voasazy, tsy sazina. Dieu ne laisse point les crimes impunis. Tsy maintsy *hofaizina, hosazin'* Andriamanitra ny meloka.
IMPUNITÉ, *sf.* Tsy famaizana, tsy fanasazena. Il est assuré de l'—. Fantany fa *tsy hofaizina, tsy hosazina* izy.
IMPUR, URE, *adj.* 1° Tsy madio. De l'eau impure. Rano *tsy madio.* 2° *fig.* Maloto, vetaveta. Des pensées impures. Hevitra *maloto,* etc.
IMPURETÉ, *sf.* 1° Tsy fahadiovana. 2° *fig.* Fahalotoana, fahavetavetana. Il est plongé dans l'—. Milentika anatin' ny *fahalotoana,* etc., izy.
IMPUTABLE, *adj.* Tsy azo atombotomboka, tsy azo itorohana, tsy azo anendrikendrehana, tsy azo atendry. Cette faute ne lui est pas—. *Tsy azo atombotomboka,* etc., azy izany heloka izany.

IMPUTATION, *sf.* Fanombotombohana, fitorohana, fanendrikendrehana.
IMPUTER, *va.* 1° Manombotomboka, mitoroka, manendrikendrika, manendry. On lui impute une mauvaise action. *Tombotombohana, torohina, endrikendrehina, tendrena* ho nanao zavadratsy izy. 2°—, Antony, fototra. Vous ne pouvez l'— qu'à vous-même. Hianao hiany no *antony, fototr'* izany.
INABORDABLE, *adj.* Tsy azo itodiana, — iantsonana, — akekena.
INABRITÉ, ÉE, *adj.* Tsy manam-pialofana, tsy mialoka, tsy misy fialofana, tsy misy fiarovana.
INACCEPTABLE, *adj.* Tsy azo ekena.
INACCESSIBLE, *adj.* 1° Tsy azo itodiana, — iantsonana, — hatonina, — akekena. 2° *fig.* Tsy azo arahina, — taritina, — taomina, tsy takatry ny saina. Voy. ACCESSIBLE.
INACCORDABLE, *adj.* 1° Tsy azo ampifanarahina. 2° —, Tsy azo ekena.
INACCOUTUMÉ, ÉE, *adj.* Tsy fanao.
INACHEVÉ, *adj.* Tsy tanteraka, tsy vita, tsy tontosa.
INACTIF, IVE, *adj.* Tsy marisika, midonanaka. Écolier —. Mpianatra *tsy marisika*, etc.
INACTION, *sf.* Fidonanahana. Rester dans l'—. *Midonana*-poana.
INACTIVITÉ, *sf.* Fidonanahana. Son — m'impatiente. Mahasosotra ahy ny *fidonanahany.*
INADMISSIBILITÉ, *sf.* Ny tsy ahazoana raisina, — ekena.
INADMISSIBLE, *adj.* Tsy azo raisina, — ekena.
INADVERTANCE, *sf.* 1° Tsy fitandremana. 2°—, Hadisoana tsy nahy.
INALIÉNABILITÉ, *sf.* Ny tsy ahazoana amidy.
INALIÉNABLE, *adj.* Tsy azo amidy.
INALLIABLE, *adj.* Tsy azo ampifangaroina. Métaux inalliables. Metaly *tsy azo ampifangaroina.*
INALTÉRABILITÉ, *sf.* Ny tsy ahazoana ovana.
INALTÉRABLE, *adj.* 1° Tsy azo ovana. Métal —. Metaly *tsy azo ovana.* 2° *fig* Tsy manam-piovana. Bonheur —. Fahasambarana *tsy manam-piovana.*
INAMOVIBILITÉ, *sf.* Ny tsy ahazoana aongana, — esorina.
INAMOVIBLE, *adj.* Tsy azo aongana, — esorina. Magistrat —. Mpitsara *tsy azo aongana,* etc.
INANIMÉ, ÉE, *adj.* 1° Tsy manana aina, tsy miaina, tsy misy aina. Créature inanimée. Zavatra *tsy manana aina, tsy misy aina.* Ce n'est plus qu'un corps —. Vatana *tsy miaina* intsony izany. 2° *fig.* Tsy mirehitra, tsy misy hafanam-po, matoritory. Chant —. Hira *matoritory.*
INANITÉ, *sf.* 1° Hafoanana, hatsinontsinona. L'— des choses terrestres. Ny *hafoanana,* ny *hatsinontsinon'* ny zavatry ny tany. 2°—, *pl.* Zava-poana, zavatra tsinontsinona.
INANITION, *sf.* Hanoanana. Il est mort d'—. Matin'ny *hanoanana* izy.
INAPERÇU, UE, *adj.* Tsy hita, tsy fantatra.
INAPPÉTENCE, *sf.* Fahalainan-komana.
INAPPLICABLE, *adj.* Tsy mihatra, tsy azo afindra, — arahina. Voy. APPLICABLE.
INAPPLICATION, *sf.* Tsy fitandremana.
INAPPLIQUÉ, ÉE, *adj.* Tsy mitandrina, tsy mikezaka.
INAPPRÉCIABLE, *adj.* 1° Tsy azo tombanana. 2°—, Tsy azo heverina. Il a un talent —. *Tsy azo heverina* ny hahalalinan-tsainy.
INAPTE, *adj.* Tsy mahavita. Il est — à ses fonctions. *Tsy mahavita* ny raharahany izy.
INAPTITUDE, *sf.* Tsy fahavitana, tsy fahaizana.
INARTICULÉ, ÉE, *adj.* 1° Tsy voatonona tsara, mikoredika. 2° —, Tsy misy famavány.
INATTAQUABLE, *adj.* Tsy azo iadiana, — asiana, — anihina, — toherina.
INATTENDU, UE, *adj.* Tsy nampoizina.
INATTENTIF, IVE, *adj.* Tsy mitandrina.
INATTENTION, *sf.* Tsy fitandremana. Il a fait cette faute par —. *Tsy fitandremana* no nanaovany izany diso izany.
INAUGURATION, *sf.* Fitokanana, fananganana. Dans quinze jours aura lieu l'— de l'église. Raha afaka tapa-bolana hitokanana ny trano leglizy. Hier a eu lieu l'— de cette statue. Omaly no *nananganana* io sariolona io.

INAUGURER, *va.* Manao fitokanana, mitokana, manangana.

INCALCULABLE, *adj.* 1° Tsy azo isaina. 2°—, Tsy tambo isaina, tsy azo heverina. Maux incalculables. Loza *tsy tambo isaina*, etc.

INCANDESCENCE, *sf.* 1° Hamena, hafanana lehibe. 2° *fig.* Firehitra.

INCANDESCENT, ENTE, *adj.* 1° Mena mivaivay, mafana dia mafana. Fer —. Vy *mena mivaivay*, etc. 2° *fig.* Mirehidrehitra. Âme incandescente. Fo *mirehidrehitra* Imagination incandescente. Saina *mirehidrehitra*.

INCANTATION, *sf.* Ody tandraikiraikena, — fandravoravoana, fankatoavana, famohazana angatra.

INCAPABLE, *adj.* Tsy afaka, — mahazaka, —mahavita, —mahazo, —mahay, —mana.... Il est —de courir. Tsy *afa*-mihazakazaka izy. Il est —de porter ce fardeau. *Tsy mahazaka* io entana io izy. Il est —d'exercer cet emploi. *Tsy mahavita* izany raharaha izany izy. C'est un homme—. Olona *tsy mahavita, tsy mahay* izy. Il est—de vous tromper. *Tsy mahazo* mamitaka, *tsy mahafitaka* anao izy. Son estomac est — de digérer. *Tsy maha*levon-kanina ny ambavafóny.

INCAPACITÉ, *sf.* Tsy fahazoana, tsy fahaizana.

INCARCÉRATION, *sf.* Fanaovana antranomaizina.

INCARCÉRER, *va.* Manao an-tranomaizina.

INCARNAT, ATE, *adj.* Menamena.

—, *sm.* Hamena.

INCARNATION, *sf.* Fahatongavana ho nofo.

INCARNÉ, ÉE, *adj.* 1° Tonga nofo. 2° *fig.* Tena C'est un diable—. *Tena* demony izy. 3°—, Miditra any anatin'ny nofo. Ongle—. Hoho *miditra anatin' ny nofo*.

INCARNER (S'), *vpr.* Tonga nofo. Le Verbe s'est incarné. *Tonga nofo* ny Teny.

INCARTADE, *sf.* 1° Fanesoana atao kitoatoa. 2°—, *pl.* Hadalana.

INCENDIAIRE, *sm.* Mpandoro trano, — ala, etc. Saisir un —. Misambotra *mpandoro trano,* etc.

—, *adj.* 1° Mandoro trano. Il lança une bombe—. Nandefa bomba *fandoroan-trano* izy. 2° *fig.* Mampikorontana, mampitabataba. Discours—. Laha-teny *mampikorontana,* etc.

INCENDIE, *sm.* 1° Fandoroana, haintrano, afo. L'— d'une forêt. Ny *fandoroana* ny ala anankiray. L'— d'une maison. Ny *fandoroana* ny trano anankiray, ny *hain-trano.* L'— a tout dévoré. Nandevona ny zavatra rehetra ny *afo.* 2° *fig.* Fikorontanana, fitabatabana.

INCENDIÉ, ÉE, *adj.* May. Maison incendiée. Trano *may.*

—, *s.* Ny may trano. Secourir les incendiés. Mamonjy *ny may trano.*

INCENDIER, *va.* 1° Mandoro. L'ennemi incendia tous les villages. *Nandoro* ny vohitra rehetra ny fahavalo. 2° *fig.* Mampikorontana, mampitabataba. Ses doctrines incendièrent le pays. *Nampikorontana,* etc., ny tany ny fampianarana nataony.

INCERTAIN, AINE, *adj.* 1° Misy isalasalana, mampisalasala, tsy azo itokiana. Cette nouvelle est incertaine. *Misy isalasalana, mampisalasala* izany zavabaovao izany. Le temps est—. *Misy isalasalana,* etc., ny toetry ny andro. 2°—, Tsy raikitra. Son départ est encore—. *Tsy* mbola *raikitra* ny hialany. 3°—, Tsy mahalala, misalasala, miroahana, mihambahamba. Je suis—de ce qui doit m'arriver. *Tsy fantatro* izay ho tonga amiko. Je suis—de ce que je dois faire. *Misalasala, miroahana, mihambahamba* aho amin'izay tokony hataoko.

—, *sm.* Ny misy isalasalana. Ne quittez pas le certain pour l'—. Aza miala amy ny tsy misy isalasalana mba hanaraka *ny misy isalasalana.*

INCERTITUDE, *sf.* Fisalasalana, firoahana, fihambahambana. Être dans l'—. *Misalasala, miroahana, mihambahamba.* Il y a beaucoup d'— dans l'histoire. *Misy* zavatra betsaka *isalasalana, mampisalasala* amy ny tantara.

INCESSAMMENT, *adv.* Haingana, vetivety foana, kelikely foana. Il doit arriver —. Ho tonga *haingana,* ho avy *vetivety foana* izy, *kelikely foana* sisa tsy hahatongavany On l'attend—. Andrasana *kelikely foana* hiany izy.

INCESSANT, ANTE, *adj.* Tsy mitsahatra, tsy manam-pitsaharana. Douleur incessante. Fijaliana *tsy mitsahatra,* etc.

INCESTE, *sm.* Fandriana amy ny tsy heny, fifoterana.

INCESTUEUX, EUSE, *adj.* et *s.* Mandry fady, mandry amy ny tsy heny, mifotitra.

INCIDEMMENT, *adv.* 1° Sendra. 2°—, An-tsisika.

INCIDENT, *sm.* 1° Zavatra sendrasendra, vin'ana, sampona. Un heureux — le tira d'affaire. *Sendrasendra, vintana* no nahafaka azy. Un—l'obligea à revenir. Nisy *sampona* nampiverina azy. Il fit naître un—durant le procès. Nanangan-*tsampona* tamy ny ady izy. 2°—, Zavatra asisika. Cette pièce de théâtre est trop chargée d'incidents. *Nosisihana zavatra* betsaka loatra izany laha-tenin-teatra izany.

INCIDENT, ENTE, *adj* Asisika.

INCIDENTER, *va.* 1° Manangan-tsampona 2°—, Manisika.

INCIRCONCIS, ISE, *adj.* et *sm.* Tsy voadidy foitra, tsy voafora.

INCISER, *va.* 1° Mandidy kely. —un bras. *Mandidy kely* amy ny sandry. 2° —, Mikapakapa. —un arbre. *Mikapakapa* foto-kazo.

INCISIF, IVE, *adj.* 1° Maha lidy. ‖ *loc.* Les dents incisives. Ny nify anoloana, ny andria-nify 2° *fig.* Mandrona. Style —. Laha-teny *manindrona.*

INCISION, *sf.* 1° Fandidiana kely. 2°—, Fikapakapana.

INCITATION, *sf.* Famporisihana, fitarihana, fitaomana. S'il a fait cela, il a cédé à l'—d'autrui. Nanao izany izy satria *namporisihina, notarihina, notaomin'* ny sasany.

INCITER, *va.* Mamporisika, mitarika, mitaona.

INCIVIL, ILE, *adj.* Tsy mahalala fomba, tsy manaja, tsy misy fanajana. Homme—. Lehilahy *tsy mahalala fomba, tsy manaja.* Cette réponse est bien incivile. Tena *tsy misy fanajana* izany valin-teny izany.

INCIVILEMENT, *adv.* Tsy amim-panajana.

INCIVILITÉ, *sf.* Tsy fahalalana fomba, tsy fanajana.

INCIVISME, *sm.* Tsy fitiavana tanindrazana.

INCLÉMENCE, *sf.* 1° Tsy famindrampo. 2° *fig.* Haratsiana. L'— du temps. Ny *haratsian'* ny andro.

INCLÉMENT, ENTE, *adj.* 1° Tsy mamindra fo. 2° *fig.* Ratsy.

INCLINAISON, *sf.* Firóna, firaika, fitongilanana, fisolampy, fandry soroka.

INCLINATION, *sf.* 1° Fiondrehana. 2° *fig.* Fitongilanana, hamorana, fitiavana. Il a des inclinations vicieuses. Azon'ny *fitongilanan*-dratsy izy. Il a de l'— pour la vertu. *Mora* manaraka ny hatsaram-panahy izy. Il a de l'— pour elle. *Tia* azy izy. 3°—. Zavatra tiana. La chasse est son —. *Tiany* ny mihaza.

INCLINÉ, ÉE, *p.* et *adj.* Naróna, miróna, naraika, miraika, natongilana, mitongilana, misolampy, mandry soroka, naondrika, miondrika. Terrain —. Tany *misolampy, mandry soroka.*

INCLINER, *va.* Mampirona, mampiraika, mampitongilana, manongilana, manondrika. — une colonne *Mampirona, mampiraika* andry. —une bouteille. *Mampitongilana* tavoabangy. — la tête. *Manongilana, manondri*-doha. — le corps. *Miondrika.*

—, *vn.* 1° Mirona, miraika, mitongilana. La balance incline d'un côté. *Mirona,* etc., ny mizana. 2° *fig.* Tia, ila ho.... J'incline pour cette opinion. Izany hevitra izany no *tiako.* La victoire incline de leur côté. *Ila* haharesy izy ireo.

S'incliner, *vpr.* 1° Mirona, miraika, miondrika. L'arbre s'incline. *Mirona, miraika* ny hazo. Il s'inclina devant lui. *Niondrika* teo anatrehany izy. 2° —, Miankohoka. L'univers s'incline devant son Créateur. *Miankohoka* eo anatrehan' ny Nahary azy ny olon-drehetra.

INCLUS, USE, *adj.* Ao anatiny. Le billet ci—. Ny taratasy *ao anatin'* ity.

INCLUSIVEMENT, *adv.* Ao anatiny, anisany. Vous apprendrez depuis le chapitre cinquième jusqu'au chapitre huitième —. Hianaranareo hatramy ny toko fahadimy, ka hatramy ny toko fahavalo izay *ao anatiny, anisan'* izany.

INCOGNITO, *adv.* Mangingina. Voyager—. Mivahiny *mangingina.* Sortir—. Mivoaka *mangingina.*

—, *sm* Garder l'—. Tsy te-ho fantatr'olona, manafina anarana.

INCOHÉRENCE, *sf.* 1° Tsy fifamihinana. 2° *fig.* Tsy fifandraisana.

INCOHÉRENT, ENTE, *adj.* 1° Tsy mifampiraikitra, tsy mifamihina. Les parties de l'eau sont incohérentes. *Tsy mifampiraikitra,* etc., ny zavatra izay maharano ny rano. 2° *fig.* Tsy mifandray. Ces idées sont incohérentes. *Tsy mifandray* ireo hevitra ireo.

INCOLORE, *adj.* 1° Tsy misy volo. L'eau est—. *Tsy misy volo* ny rano.

2° *fig.* Manta, masirasira, matsatso. Style—. Laha-teny *manta,* etc.

INCOMBER, *vn* Andraikitra, adidy. Cette affaire vous incombe. *Andraikitrao, adidinao* izany raharaha izany.

INCOMBUSTIBLE, *adj.* Tsy mety mirehitra, tsy mety may.

INCOMMENSURABLE, *adj.* Tsy azo refesina. L'espace est—. *Tsy azo refesina* ny habakabaka.

INCOMMODANT, ANTE, *adj.* Manahirana. Bruit—. Tabataba *manahirana.*

INCOMMODE, *adj.* Mampanahirana, manahirana, mampananosarotra. Outil —. Fiasana *mampanahirana, mampananosarotra.* Maison—. Trano *manahirana.* Chaise—. Seza *manahirana, mampananosarotra.* Enfant—. Zaza kely *manahirana.*

INCOMMODÉ, ÉE, *adj.* 1° Sahirana. 2°—, Marisarisa, mararirary, mafanafana.

INCOMMODÉMENT, *adv.* Amim-pahasahiranana.

INCOMMODER, *va.* 1° Manahirana. J'ai peur de vous—. Matahotra aho sao *manahirana* anao. Il a une toux qui l'incommode beaucoup. *Sahiran'* ny kohaka loatra izy. 2°—, Mankararirary.

INCOMMODITÉ, *sf.* 1° Fahasahiranana. C'est une—que d'être mal logé. *Manahirana* ny mitoetra amy ny trano ratsy. 2°—, Faharisarisana, fahararirariana, fahafanafanana. Son—ne lui permet pas de sortir. Tsy afaka hivoaboaka izy noho izy *marisarisa, mararirary, mafanafana.*

INCOMMUNICABLE, *adj.* Tsy azo afindra.

INCOMPARABLE, *adj.* Tsy azo oharina, tsy manam-paharoa, tapitra ohatra. Il est d'une sagesse—. *Tsy azo oharina* ny fahendreny. C'est un orateur —. Mpandaha-teny *tsy manam-paharoa, tapitra ohatra* izy.

INCOMPARABLEMENT, *adv.* Lavitra. Il est— plus instruit que son frère. Mahay *lavitra* noho ny rahalahiny izy.

INCOMPATIBILITÉ, *sf.* Tsy fifanarahana. ny tsy ahazoana akambana, — ampiarahina.

INCOMPATIBLE, *adj.* Tsy mahazo mifanaraka, tsy azo ampifanarahina, — akambana, — ampiarahina. Ces deux caractères sont incompatibles. *Tsy mahazo mifanaraka* ny toe-panahin' izy roa lahy. L'amour de Dieu et l'amour des richesses sont incompatibles. Ny fitiavana an' Andriamanitra sy ny fitiavam-bola *tsy azo ampifanarahina, tsy azo akambana.* Ces deux emplois sont incompatibles. *Tsy azo ampiarahina* ireo raharaha roa loha ireo.

INCOMPÉTENCE, *sf.* 1° Tsy fananam-pahefana. 2° —, Tsy fahaizana.

INCOMPÉTENT, ENTE, *adj.* 1° Tsy manam-pahefana. Tribunal —. Mpitsara *tsy manam-pahefana.* 2°—, Tsy mahay. C'est un juge — en littérature. *Tsy mahay* mitsara laha-teny an-tsoratra izy.

INCOMPLET, ÈTE, *adj.* Tsy feno, tsy ampy. Cet ouvrage est —, il en manque un volume. *Tsy feno, tsy ampy* singam-boky iray ireo boky iray tarika ireo.

INCOMPLEXE, *adj.* Iray loha.

INCOMPRÉHENSIBILITÉ, *sf.* Ny tsy ahazoana fantarina.

INCOMPRÉHENSIBLE, *adj.* 1° Tsy azo fantarina, tsy takatry ny saina, tsy tratry ny saina. Les mystères sont incompréhensibles. *Tsy azo fantarina,* etc., ny mistery. 2°—, Saro-pantarina. Ce chapitre est —. *Saro-pantarina* io toko io. 3°—, Hafahafa. Il a un caractère—. *Hafahafa* ny toe-panahiny.

INCOMPRESSIBLE, *adj.* Tsy azo terena.

INCOMPRIS, ISE, *adj.* Tsy fantatra, tsy asian-draharaha. Un génie —. Olomahay *tsy fantatra,* etc.

INCONCEVABLE, *adj.* Tsy azo heverina, mahagaga. Vous me dites une chose —. Milaza zavatra *tsy azo heverina* amiko hianao. Il est d'une hardiesse—. *Tsy azo heverina,* etc., ny hasahiany.

INCONCILIABLE, *adj.* Tsy azo ampifanarahina, mifanohitra.

INCONDUITE, *sf.* Fitondran-tena ratsy.

INCONGRU, UE, *adj.* Tsy fanao, tsy mety. Réponse incongrue. Valin-teny *tsy fanao,* etc.

INCONGRUITÉ, *sf.* Zavatra tsy fanao, zavatra tsy mety.

INCONGRÛMENT, *adv.* Tsy araka ny fanao, — ny mety.

INCONNU, UE, *adj.* Tsy fantatra. Pays —. Tany *tsy fantatra.* Ces chagrins lui sont inconnus. *Tsy fantany* izany alahelo izany.

—, *s*. Olona tsy fantatra.

—, *sm*. Zavatra tsy fantatra. Voy. CONNU.

INCONSCIENCE, *sf*. Tsy fahalalaua, tsy fahafantarana.

INCONSCIENT, ENTE, *adj*. Tsy mahalala ny ataony.

INCONSÉQUENCE, *sf*. Fifanoherana, zavatra mifanohitra. Il y a de l'— dans ses discours. Misy *zavatra mifanohitra* ny resany. Sa conduite est pleine d'inconséquences. Misy *zavatra* maro *mifanohitra* ny ataony.

INCONSÉQUENT, ENTE, *adj*. Milaza na manao zavatra mifanohitra amy ny ao an-tsainy, misy zavatra mifanohitra.

INCONSIDÉRATION, *sf*. Tsy fiheverana, tsy fahamalinana, tsy fitandremana.

INCONSIDÉRÉ, ÉE, *adj*. Tsy voahevitra, tsy mihevitra, tsy malina, tsy mitandrina. Parole inconsidérée. Teny *tsy voahevitra*. Homme—. Olona *tsy mihevitra, tsy malina, tsy mitandrina*.

INCONSIDÉRÉMENT, *adv*. Tsy amim-pahamalinana, tsy amim-pitandremana. Il agit—. Manao *tsy amim-pahamalinana*, etc., izy.

INCONSOLABLE, *adj*. Tsy mety afaka alahelo, tsy azo alana alahelo.

INCONSTAMMENT, *adj*. Amim-piovaovana, amim-pivadibadihana.

INCONSTANCE, *sf*. Tsy faharetana, fiovaovana, fivadibadihana. L'— du vent. Ny *fiovaovana, fivadibadihan'* ny rivotra.

INCONSTANT, ANTE, *adj*. et *s*. Tsy maharitra, miovaova, mivadibadika. Homme—. Olona *tsy maharitra*, etc. Les choses d'ici-bas sont inconstantes. *Tsy maharitra, miovaova* ny zavatra eto an-tany.

INCONSTITUTIONNEL, ELLE, *adj*. Mifanohitra amy ny lalána mametra ny fombam-panjakana.

INCONTESTABLE, *adj*. Tsy azo toherina, tsy azo lavina.

INCONTESTABLEMENT, *adv*. Tsy azo toherina, tsy azo lavina.

INCONTESTÉ, ÉE, *adj*. Tsy toherina, tsy lavina.

INCONTINENCE, *sf*. Fitondran-tena ratsy.

INCONTINENT, ENTE, *adj*. Mpitondra tena ratsy.

INCONTINENT, *adv*. Miaraka amin' izay.

INCONVENANCE, *sf*. 1° Tsy fetezana. 2°—, Zavatra tsy mety.

INCONVENANT, ANTE, *adj*. Tsy mety. Réponse inconvenante. Valin-teny *tsy mety*.

INCONVÉNIENT, *sm*. Fahasahiranana, zavatra tsy mahasoa, zavatra maharatsy. Cette affaire vous attirera des inconvénients. Hampahita *fahasahiranana* anao izany raharaha izany. Cette affaire offre des inconvénients. Misy *zavatra tsy mahasoa, zavatra maharatsy* izany raharaha izany.

INCORPORALITÉ, *sf*. Tsy fananambatana.

INCORPORATION, *sf*. Fanakambanana, fikambanana.

INCORPORÉ, ÉE, *p*. et *adj*. Nakambana, mikambana.

INCORPOREL, ELLE, *adj*. Tsy manam-batana. Dieu est—. *Tsy manambatana* Andriamanitra.

INCORPORER, *va*. Manakambana, mampikambana. —un peuple à un autre. *Manakambana* firenena anankiray amy ny hafa.

S'incorporer, *vpr*. Mikambana. La cire s'incorpore avec la gomme. Ny savoka *mikambana* amy ny ditin-kazo.

INCORRECT, ECTE, *adj*. Tsy mahitsy, misy diso.

INCORRECTION, *sf*. Tsy fahitsiana, teny tsy mahitsy, diso. Il y a beaucoup d'— dans son style. *Tsy mahitsy* loatra ny laha-teniny. Faites disparaître les incorrections. Esory ny *teny tsy mahitsy*, ny *diso*.

INCORRIGIBILITÉ, *sf*. Ny tsy ahazoana anarina,— ovana.

INCORRIGIBLE, *adj*. Tsy zaka anarina, tsy azo anarina, tsy azo ovana. Enfant—. Zaza kely *tsy zaka anarina, tsy azo anarina*. Vice—. Fahazaran-dratsy *tsy azo ovana*.

INCORRUPTIBILITÉ, *sf*. 1° Tsy fetezana ho lo, — ho levona. 2°—, Ny tsy ahazoana angolena,— sisihana.

INCORRUPTIBLE, *adj*. 1° Tsy mety lo, tsy mety levona. Voy. CORRUPTIBLE. 2°—, Tsy azo angolena, tsy azo sisihana. Juge—. Mpitsara *tsy azo angolena*, etc.

INCRÉDULE, *adj*. Tsy mino.

—, *s*. Tsy mpino.

INCRÉDULITÉ, *sf*. Tsy finoana.

INCRÉÉ, ÉE, *adj.* Tsy noharina. Dieu seul est un être—. Andriamanitra irery no *tsy noharina.*

INCRIMINÉ, ÉE, *s.* Ny voampanga.

INCRIMINER, *va.* 1° Miampanga. 2°—, Maniny. —les actions d'une personne. *Maniny* ny ataon'olona.

INCROYABLE, *adj.* 1° Tsy azo inoana. Récit—. Tantara *tsy azo inoana.* 2°—. Tsy azo heverina, izaitsizy. Il ressent une joie—. Azon' ny hafaliana *tsy azo heverina,* etc., izy.

INCROYABLEMENT, *adv.* Izaitsizy.

INCROYANT, *sm.* Tsympino.

INCRUSTATION, *sf.* 1° Fandraiketana, fametahana. 2—, Zavatra miraikitra, —mipetaka.

INCRUSTÉ, ÉE, *p.* et *adj.* Naraikitra, voaraikitra, miraikitra, napetaka, voapetaka, nopetahana, mipetaka. Lettres d'or incrustées dans la pierre. Soratra volamena *naraikitra, voaraikitra, napetaka, voapetaka* amy ny vato. Pierre incrustée de coquillages. Vato *nopetahana* akoran-driaka.

INCRUSTER, *va.* Mandraikitra, mametaka.

INCUBATION, *sf.* Fikotrehana.

INCULPATION, *sf.* Fiampangana.

INCULPÉ, ÉE, *s.* et *adj.* Voampanga, nampangaina.

INCULPER, *va.* Miampanga.

INCULQUER, *va.* Mandatsaka ao an-tsaina.

S'inculquer, *vpr.* Milatsaka ao an-tsaina, tafalatsaka—. Les proverbes s'inculquent facilement dans la mémoire. Mora *tafalatsaka ao an-tsaina* ny ohabolana.

INCULTE, *adj.* 1° Tsy voasa, lava volo. Terre—. Tany *tsy voasa,* etc. 2° *fig.* Tsy nahita fianarana, tsy mahay, dondrina. C'est un esprit—. Olona *tsy nahita fianarana,* etc., izy. 3°—, Misaritaka, misafotofoto. Barbe—. Volom-bava *misaritaka.* etc.

INCURABILITÉ, *sf.* Tsy fetezana ho sitrana, ny tsy ahazoana sitranina.

INCURABLE, *adj.* et *s.* Tsy mety sitrana, tsy azo sitranina. Malade—. Marary tsy *mety sitrana.* Maladie—. Aretina *tsy azo sitranina.*

INCURIE, *sf.* Tsy fiahiana, tsy fitandremana, fanaovana tsirambina.

INCURSION, *sf.* Fibosesehana. Les ennemis firent des incursions dans la province. *Nibosesika* tao amy ny fari-tany ny fahavalo.

INDE, *sf.* India.

INDÉBROUILLABLE, *adj.* Tsy azo alanto, — alana olana, — alahatra. — alamina, — hazavaina. Voy. DÉBROUILLER.

INDÉCEMMENT, *adv.* Tsy mety, vetaveta.

INDÉCENCE, *sf.* Tsy fetezana, zavatra tsy mety, — mahamenatra, — vetaveta.

INDÉCENT, ENTE, *adj.* Tsy mety, mahamenatra, vetaveta. Paroles indécentes. Teny *tsy mety,* etc.

INDÉCHIFFRABLE, *adj.* 1° Tsy azo vakina. Manuscrit —. Sora-tanana *tsy azo vakina.* 2°—, Saro-pantarina. Chapitre —. Toko *saro-pantarina.* 3° *fig.* Manafin-kevitra. Homme —. Olona *manafin-kevitra.*

INDÉCIS, ISE, *adj* 1° Tsy tapaka, misy isalasalana. Question indécise. Zavatra *tsy tapaka,* etc. Victoire indécise. Fandresena *misy isalasalana.* 2°—, Misalasala, miroahana, mihambahamba. Personne indécise. Olona *misalasala,* etc. 3°—, Tsy mazava, maizimaizina, misomambisamby, mitsilopilopy. Les traits de cette figure sont —. *Tsy mazava* ny tarehin' io sary io. La lumière indécise du crépuscule du soir. Ny *fisomambisambin'* ny hariva. La lumière indécise d'une lampe. Ny *fitsilopilopin'* ny jiro.

INDÉCISION, *sf.* Fisalasalana, firoahana, fihambahambana.

INDÉCLINABLE, *adj.* (Teny) tsy miova.

INDÉCOMPOSABLE, *adj.* Tsy azo saratsarahina.

INDÉCROTTABLE, *adj.* Tsy azo atao na inona na inona, tsy zaka anarina.

INDÉFECTIBILITÉ, *sf.* Ny tsy fetezana ho levona.

INDÉFECTIBLE, *adj.* Tsy mety ho levona. L'Église est—. *Tsy mety ho levona* ny Eglizy.

INDÉFINI, IE, *adj.* Tsy voafetra. Espace —. Fitoerana *tsy voafetra.*

INDÉFINIMENT, *adv.* Tsy voafetra. ‖ *loc.* Ajourner — une affaire. Manao ampitso lava amy ny rabaraha.

INDÉFINISSABLE, *adj.* Tsy azo lazaina toetra. C'est une chose —. Zava-*tsy azo lazaina toetra* izany. Il a un

caractère —. *Tsy azo lazaina* ny toepanahiny.

INDÉLÉBILE, *adj.* Tsy azo vonoina, — esorina, tsy mety afaka. Tache —. Loto *tsy azo esorina, tsy mety afaka* Le baptême imprime un caractère—. Ny batemy manisy marika *tsy azo vonoina, etc.*

INDÉLIBÉRÉ, ÉE, *adj.* Tsy nahy, tsy iniana.

INDÉLICAT, ATE, *adj.* Tsy mizara hena-maso, tsy manaja, tsy misy fanajana.

INDÉLICATEMENT, *adv.* Tsy amim-panajana.

INDÉLICATESSE, *sf.* Tsy fizarana hena-maso, tsy fanajana.

INDEMNE, *adj.* Voaonitra, nonerana. Comme Dédommagé.

INDEMNISER, *va.* Manonitra. Il faut l'— des pertes qu'il a souffertes. Tsy maintsy *honerana* ny fatiantoka nanjó azy.

S'indemniser, *vpr.* Mionitra.

INDEMNITÉ, *sf.* Onitra. Il demande une —. Mangataka *onitra* izy.

INDÉPENDAMMENT, *adv.* 1° Amim-pahaleovan-tena, tsy amim-piankinana. 2°—, Afa-tsy. — de ces avantages, vous en aurez encore un autre. *Afa-tsy* ireo zava-tsoa ireo, mbola hisy koa zavatra hafa hahazoa anao.

INDÉPENDANCE, *sf.* Fahaleovan-tena, fahazakan-tena, tsy fiankinana, tsy fitiavana fifehezana.

INDÉPENDANT, ANTE, *adj.* Mahaleo tena, mahazaka tena, ary nify, tsy miankina, tsy tia fifehezana. Nation indépendante. Fanjakana *mahaleo tena, mahazaka tena.* Enfant —. Zaza *mahaleo tena, mahazaka tena, ary nify.* La seconde question est indépendante de la première. Ny zavatra faharoa *tsy miankina* amy ny voalohany. Le vrai sage a l'âme indépendante. Izay hendry tokoa *tsy miankina* amy ny hafa. C'est un esprit —. Olona *tsy tia fifehezana* izy.

INDÉRACINABLE, *adj.* Tsy azo esorina, — fongorana. Des préjugés indéracinables. Hevi-diso *tsy azo esorina,* etc.

INDESCRIPTIBLE, *adj.* Tsy azo lazaina. Bonheur —. Hasambarana *tsy azo lazaina.*

INDESTRUCTIBLE, *adj.* Tsy mety levona.

INDÉTERMINABLE, *adj.* Tsy azo ferana.

INDÉTERMINATION, *sf.* Fisalasalana, firoahana, fihambahambana.

INDÉTERMINÉ, ÉE, *adj.* 1° Tsy voafetra. Nombre—. Isa *tsy voafetra.* 2°—, Misalasala, miroahana, mihambahamba. C'est un esprit —. Olona *misalasala,* etc., izy.

INDÉTERMINÉMENT, *adv.* Tsy voafetra.

INDÉVOT, OTE, *adj.* et *s.* Tsy tia vavaka.

INDÉVOTEMENT, *adv.* Tsy amim-pitiavam-bavaka.

INDÉVOTION, *sf.* Tsy fitiavam-bavaka.

INDEX, *sm.* 1° Fizaham-pejy. ‖ *loc.* Mettre un livre à l'—. Mandrara boky tsy hovakina, tsy havoaka. 2°—, Fanondro.

INDICATEUR, TRICE, *adj.* Manondro, manoro, milaza. Le doigt —. Ny *fanondro.*

—, *sm.* 1° Fanondro. 2°—, Boky filazana. L'—des chemins de fer. Ny *boky milaza* ny fotoan'ny lalam-by.

INDICATION, *sf.* Fanondroana, fanoroana, filazana, fanambarana. Voy. Indiquer.

INDICE, *sm.* Famantarana, vavolombelona, fahafantarana, filazana, fanambarana. Voilà des indices d'un assassinat. Indro ny *famantarana, vavolombelon'* ny vonoana olona. Vous dites que cela est, quel — en avez-vous? Hianao milaza fa marina izany, ka inona no *ahafantaranao* izany? Cette action est l'— d'une belle âme. Izany nataony izany *milaza, manambara* ny hatsarampony.

INDICIBLE, *adj.* Tsy azo lazaina.

INDIEN, IENNE, *adj.* et *s.* Indiana.

INDIENNE, *sf.* Zandiana.

INDIFFÉREMMENT, *adv.* Tsy mampaninona, fe, tsy an-kifidy. Il lit — tous les livres. Mamaky ny boky rehetra *tsy an-kifidy* izy.

INDIFFÉRENCE, *sf.* Tsy fifidianana, tsy fitiavana, fe. Sous cet air d'— il cache beaucoup d'ambition. Mody *tsy tia* voninahitra izy, kanjo mitsiriritra fatratra. Il m'a reçu avec—. Nandray ahy *fe* nandray izy.

INDIFFÉRENT, ENTE, *adj.* 1° Tsy mampaninona, tsy raharaha, tsy ahoana,

Il m'est — de partir ou de rester. *Tsy mampaninona* ahy na handeha na hijanona. Tout cela m'est—. *Tsy mampaninona* ahy, *tsy raharahako* izany rehetra izany. Ses attaques me sont indifférentes. *Tsy mampaninona* ahy, *tsy ahoako* ny fanaratsiany ahy. 2°—, Tsinontsinona. Nous parlons de choses indifférentes. Zavatra *tsinontsinona* no resahinay. 3°—, Tsy mifidy, tsy tia, boina, fe. Il est — pour tout. *Tsy mifidy* na inona na inona izy. Il est — pour sa femme. *Tsy tia* ny vadiny izy. Il est — pour ses enfants. *Boin*-janaka izy. Il a reçu le présent avec un air—. Nandray *fe* nandray ny fanatitra izy.

—, *sm.* Tsy tia, tsy manan-draharaha.

INDIGENCE, *sf.* 1° Fahantrana. 2°—, Mahantra, malahelo. Secourir l'—. Mamonjy ny *mahantra*, etc. 3° *fig.* Tsy fananana.

INDIGÈNE, *adj.* 1° Tao amy ny tany anankiray izay ela izay. Plantes indigènes. Zava-maniry *tao amy ny tany anankiray izay ela izay.* 2°—, Zana-tany, tompon-tany.

—, *s.* Zana-tany, tompon-tany.

INDIGENT, ENTE, *adj.* et *s.* Mahantra, malahelo.

INDIGESTE, *adj.* 1° Saro-devonina. Aliment —. Hanina *saro-devonina.* 2° *fig.* Misafotofoto. Pensées indigestes. Hevitra *misafotofoto.*

INDIGESTION, *sf.* Tsy fahalevonankanina.

INDIGNATION, *sf.* Hatezerana.

INDIGNE, *adj.* Tsy mendrika, ratsy. Il est — de votre confiance. *Tsy mendrika* hitokianao izy. Il mène une conduite—. Manao fitondran-tena *tsy mendrika, ratsy* izy. Il a fait une communion—. Nanao komonio *ratsy* izy.

INDIGNÉ, ÉE, *adj.* Tezitra. Je suis — de sa conduite. *Mahatezitra* ahy ny fitondran-tenany.

INDIGNEMENT, *adv.* Ratsy.

INDIGNER, *va.* Mahatezitra. L'injustice indigne tout le monde. *Mahatezitra* ny olona rehetra ny zavatra tsy andrariny.

S'indigner, *vpr.* Tezitra.

INDIGNITÉ, *sf.* 1° Tsy fahamendrehana, haratsiana. Il fut exclu pour cause d'—. Noroahina noho ny *tsy fahamendrehany* izy. L'— de cette conduite souleva tout le monde. Nahatezitra ny olona rehetra ny *haratsian'* ny fitondrantenany. 2°—, Zavatra ratsy, fanaratsiana. Il a commis une —. Nanao *zavatra ratsy* izy. Il a souffert mille indignités. Nandefitra *fanaratsiana* tsy tambo isaina izy.

INDIGO, *sm.* Volory, angana, manga.

INDIGOTIER, *sm.* Aika.

INDIQUÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Voatondro, notondroina, voatoro, natoro, voatendry, notendrena. Voici le village — pour la réunion. Itsy no vohitra *voatendry, notendrena* hivoriana. Venez à l'heure indiquée. Tongava amy ny fotoana *voatendry.* 2°—, Voalaza, nambara.

INDIQUER, *va.* 1° Manondro, manoro, manendry. L'aiguille indique trois heures. *Manondro* amy ny telo ny sahaza. Indiquez-moi la maison de votre ami. *Atoroy* ahy ny tranon' ny sakaizanao. Indiquez le jour de notre entrevue. *Tendreo* ny andro hihaonantsika. 2°—, Milaza, manambara. Indiquez le sens de ce mot. *Lazao* ny hevitr' io teny io. La fumée indique le feu. Ny setroka *manambara* fa misy afo.

INDIRECT, ECTE, *adj.* 1° Tsy mahitsy, mivily, miolaka, misafelika. Chemin —. Lálana *tsy mahitsy,* etc. 2° *fig.* Miolaka, misafelika, tsy manondro vantana, tsy tena. Complément —. Famenon-teny *miolaka.* Il ne va que par des voies indirectes. Be *safelipelika* izy. Ligne indirecte. *Tsy tena* taranaka, tarana-kavana.

INDIRECTEMENT, *adv.* Miolaka, misafelika, tsy manondro vantana. Il m'a attaqué —. Namely ahy izy na dia *tsy nanondro vantana* aza.

INDISCIPLINABLE, *adj.* Saro-pehezina, tsy azo fehezina. Soldats indisciplinables. Miaramila *saro-pehezina,* etc.

INDISCIPLINE, *sf.* Tsy fanekena.

INDISCIPLINÉ, ÉE, *adj.* Tsy manaiky. Écolier —. Mpianatra *tsy manaiky.*

INDISCRET, ÈTE, *adj.* 1° Tsy mahalala onona, — fetra, tsy malina. 2°—, Tsy mahatam-bava, manta vava. Voy. DISCRET.

—, *sm.* Olona tsy mahatam-bava, — manta vava.

INDISCRÈTEMENT, *adv.* Tsy amim-pahamalinana, an-tsapatsapaka. Il parle —. Miteny *tsy amim-pahamalinana,* etc., izy.

INDISCRÉTION, *sf.* 1° Tsy fahalalana

onona, — fetra, tsy fahamalinana. 2°—, Tsy fahatanam-bava, hamanta vava.

INDISCUTABLE, *adj.* Tsy azo ifandirana, tsy azo toherina.

INDISPENSABLE, *adj.* Tsy maintsy hatao, tsy azo avela, ilaina indrindra. Visite —. Famangiana *tsy maintsy hatao, tsy azo avela.* Objet —. Zavatra *ilaina indrindra.*

—, *sm.* Izay ilaina indrindra. Il n'a que l'—. Tsy manana afa-tsy *izay ilaina indrindra* izy.

INDISPENSABLEMENT, *adv.* Tsy maintsy.

INDISPOSÉ, ÉE, *adj.* 1° Marisarisa, mafanafana, mararirary. Il est —. *Marisarisa,* etc., izy. 2°—, Sosotra, tezitra. Il est — contre moi. *Sosotra,* etc., amiko izy.

INDISPOSER, *va.* 1° Mampandraiki-mararirary. La chaleur l'indispose. *Mampandraiki-mararirary* azy ny hafanana. 2°—, Mahasosotra, mahatezitra.

INDISPOSITION, *sf.* 1° Harisarisa. 2°—, Fahasosorana, hatezerana.

INDISSOLUBILITÉ, *sf.* 1° Ny tsy ahazoana levonina. 2° *fig.* Ny tsy ahazoana ivadihana.

INDISSOLUBLE, *adj.* 1° Tsy azo levonina. 2° *fig.* Tsy azo ivadihana, — ravana. Le mariage est —. *Tsy azo ivadihana,* etc., ny mariazy.

INDISSOLUBLEMENT, *adv.* Tsy amim-pivadihana.

INDISTINCT, INCTE, *adj.* Tsy mazava, manjavozavo.

INDISTINCTEMENT, *adv.* 1° Tsy mazava, manjavozavo. On ne voit ces objets qu'—. *Tsy* hita *mazava,* hita *manjavozavo* ireo zavatra ireo. 2°—, Tsy an-kanavaka. On les chassa tous —. Noroahina *tsy an-kanavaka* daholo izy rehetra.

INDIVIDU, *sm.* Olona na biby na zava-maniry tsirairay, olona. Tous les individus qui composent une nation. Ny *olona* rehetra izay ao anatin'ny fanjakana iray. Quel est cet —? Iza io *olona* io?

INDIVIDUALISER, *va.* 1° Mandinika zavatra tsirairay. 2°—, Mahasamihafa zavatra tsirairay.

INDIVIDUALITÉ, *sf.* Izay momba na mahasamihafa ny olona, ny biby, ny zava-maniry tsirairay.

INDIVIDUEL, ELLE, *adj.* Momba ny olona, ny biby, ny zava-maniry tsirairay.

INDIVIDUELLEMENT, *adv.* Tsirairay.

INDIVIS, ISE, *adj.* Tsy voazara. Succession indivise. Lova *tsy voazara.*

Par indivis, *loc. adv.* Tsy voazara.

INDIVISIBILITÉ, *sf.* Ny tsy ahazoana zaraina.

INDIVISIBLE, *adj.* Tsy azo zaraina.

INDOCILE, *adj.* Tsy manaiky, maditra, tsy mety hendry. Enfant—. Zaza kely *tsy manaiky, maditra.* Cheval—. Soavaly *maditra.* Peuple sauvage et—. Firenena adala sy *maditra, tsy mety hendry.*

INDOCILITÉ, *sf.* Tsy fanekena, haditra.

INDOLEMMENT, *adv.* Amim-pitsikamokamoana.

INDOLENCE, *sf.* Fitsikamokamo, fitsilamodamoka, fitoredretra, fitsimedameda.

INDOLENT, ENTE, *adj.* et *s.* Tsy rototra, mitsikamokamo, mitsilamodamoka, mitoredretra, mitsimedameda. Il est si—qu'il n'a jamais fini son travail à temps. *Tsy rototra,* etc., loatra izy, ka tsy mahavita na oviana na oviana ny asany amy ny fotoana. C'est un—qui ne s'émeut de rien. Olona *toretra* tsy mety tai-javatra izy.

INDOMPTABLE, *adj.* 1° Tsy azo folahina. Animal—. Biby *tsy azo folahina.* 2° *fig.* Tsy azo folahina, tsy mety kivy. Orgueil—. Fiavonavonana *tsy azo folahina.* Courage —. Herim-po *tsy mety kivy.*

INDOMPTÉ, ÉE, *adj.* 1° Tsy mbola voafolaka. Coursier—. Soavaly *tsy mbola voafolaka.* 2°—, Masiaka. Taureau—. Ombalahy *masiaka.* 3° *fig.* Tsy azo folahina, tsy mety kivy.

INDU, UE, *adj.* Tsy an-drariny, tsy amy ny fotoana. Il est arrivé à une heure indue. Tonga *tsy amy ny fotoana* izy.

INDUBITABLE, *adj.* Tsy misy isalasalana. Le succès de cette affaire est—. *Tsy misy isalasalana* fa ho vanona izany raharaha izany.

INDUBITABLEMENT, *adv.* Tsy amim-pisalasalana.

INDUCTION, *sf.* 1° Fakan-kevitra. 2°—, Hevitra alaina. L'—que vous tirez de cette proposition est fausse. Diso ny *hevitra alainao* amin' izany fehezan-teny izany.

INDUIRE, *va.* 1° Mitarika, mitaona. Qui

l'a induit à mal faire? Iza no *nitariha, nitaona* azy hanao ratsy? 2°—, Maka hevitra. Que faut-il en—? *Hevitra* inona no tokony *halaina* amin' izany?

INDULGENCE, *sf.* 1° Famindram-po, halemem-panahy. hamoram-po. fanaranana, fampihantana. 2°—, Indolzansy.

INDULGENT, ENTE, *adj.* Mamindra fo, malemy fanahy, mora fo, moramorainy. manarana, mampihanta. rainazy, tsy mahavely vava amboa. Soyez—envers le prochain, et Dieu sera—envers vous. Mampisehoa *halemem-panahy, hamoram-po* amy ny namana, ary Andriamanitra *hamindra fo* aminareo. Prince—. Mpanjaka *mpamindra fo, malemy fanahy, moramorainy.* Critique —. Mpanakiana *moramorainy.* Être—à soi-même. *Manaran*-tena. Ce père est trop—pour ses enfants. Io ray io dia *manarana, mampihanta* zanaka, *tsy mahavely vava amboa* ny zanany, *rainazy* amy ny zanany.

INDULT, *sm.* Lálana omen'ny papa.

INDÛMENT, *adv.* Tsy an-drariny. Il a reçu cette somme—. Nahazo izany vola izany *tsy an-drariny* izy.

INDUSTRIE, *sf.* 1° Hakingana, fahaizana. fahaizan-javatra. Cela est fait avec —. Vita amin-*hakingana,* amim-*pahaizana* izany. Il fait subsister sa famille par son—. Ny *fahaizan-javatra* no amelomany ny fianakaviany. 2°—, Taozavatra. Cette—lui donne de quoi subsister. Izany *taozavatra* izany no ivelomany. L'— française. Ny *taozavatry* ny Frantsay. 3° *fig.* Hafetsena. Il vit d'une coupable—. Ny *hafetsen*-dratsy no ivelomany. Chevalier d'—. *Fetsy* ratsy. *mpifetsy.*

INDUSTRIEL, ELLE, *adj.* Momba ny taozavatra. Les arts industriels. Ny fahaizan-*taozavatra.* Les produits industriels. Ny vokatry ny *taozavatra.*

—, *sm.* Mpanao taozavatra.

INDUSTRIEUX, EUSE, *adj.* 1° Kinga, havanambanana, mahay. Ouvrier—. Mpiasa *kinga,* etc. Il a les mains fort industrieuses. *Kinga* tánana izy. 2°—, Malazan-taozavatra. Cité industrieuse. Tanána *malazan-taozavatra.*

INÉBRANLABLE, *adj.* 1° Tsy azo hongana,—hovotrovotina, — hetsiketsehina. 2° *fig.* Tsy mihontsina, tsy mety ketraka, tsy miova, tsy azo avadika. Il fut—au milieu des plus grandes infortunes. *Tsy nihontsina* teo an-titin'ny fahoriana lehibe izy. Son courage est—. *Tsy mety ketraka* ny herim-pony. Il est—dans ses résolutions. *Tsy miova, tsy azo avadika* amy ny fikasany izy.

INÉBRANLABLEMENT, *adv.* Amin-kerim-po. maty.

INÉDIT, ITE, *adj.* Tsy navoaka, tsy natonta. Cet ouvrage est encore—. *Tsy* mbola *navoaka,* etc., iza ny boky izany.

INEFFABILITÉ, *sf.* Ny tsy ahazoana lazaina.

INEFFABLE, *adj.* Tsy azo lazaina.

INEFFAÇABLE, *adj.* Tsy azo vonoina, tsy azo esorina, tsy mety afaka. Comme INDÉLÉBILE.

INEFFICACE, *adj.* Tsy mahomby, tsy mahasitrana, tsy mandaitra. Les remèdes ont été inefficaces. *Tsy nahomby, tsy nahasitrana, tsy nandaitra* ny fanafody. Notre mauvaise volonté rend la grâce de Dieu—. Ny fahasoavan' Andriamanitra *tsy mahomby* noho ny ditrantsika.

INEFFICACITÉ, *sf.* Tsy fahombiazana, tsy fandaitra.

INÉGAL, ALE, *adj.* 1° Tsy mitovy, tsy sahala. Les parts sont inégales. *Tsy mitovy. tsy sahala* ny anjara 2°—, Mikitoantoana. Chemin—. Lálana *mikitoantoana.* 3°—, Miovaova. Il marche d'un pas—. *Miovaova* ny fandehany. 4° *fig.* Miovaova. C'est un esprit—. Olona *miovaova* izy. Il a un style—. *Miovaova* ny laha-teniny. Conduite inégale. Fitondran-tena *miovaova.*

INÉGALEMENT, *adv.* 1° Tsy mitovy. 2° *fig.* Miovaova.

INÉGALITÉ, *sf.* 1° Tsy fitoviana. 2°—, Fikitoantoana. 3° *fig.* Fiovaovana.

INÉLÉGANCE, *sf.* Hatsotra.

INÉLÉGANT, ANTE, *adj.* Tsy misy renty, tsotra. Style—. Laha-teny *tsy misy renty,* etc.

INÉLIGIBLE, *adj.* Tsy azo fidina.

INÉLUCTABLE, *adj.* Tsy azo toherina. Destin—. Vintana *tsy azo toherina.*

INÉNARRABLE, *adj.* Tsy azo lazaina.

INEPTE, *adj.* 1° Tsy mahomby, tsy mahay, adala. Il est—à tout. *Tsy mahomby* na amin' inona na amin' inona izy. 2°—, Tsy misy heviny. Ce qu'il dit est—. *Tsy misy heviny* izay lazainy.

INEPTIE, *sf.* 1° Tsy fahombiazana, tsy fahaizana, hadalana. 2°—, Zavatra tsy misy heviny. Il ne débite que des inepties

Tsy milaza afa-tsy zavatra *tsy misy heriny* izy.

INÉPUISABLE, *adj.* 1° Tsy mety ritra. 2°—, Tsy mety lany. Richesses inépuisables. Harena *tsy mety lany*.

INERTE, *adj.* 1° Tsy misy aina, tsy mahetsika. Jambe —. Ranjo *tsy mahetsika*. 2°—. Donto saina, mitsilamodamoka, mitsikamokamo, midonana-poana.

INERTIE, *sf.* 1° Tsy fihetsehana. 2° *fig.* Hadontoan-tsaina, fitsilamodamoka, fitsikamokamo, fidonananham-poana.

INESPÉRABLE, *adj.* Tsy azo antenaina. Bonheur —. Fahasambarana *tsy azo antenaina*.

INESPÉRÉ, ÉE, *adj.* Tsy nantenaina, tsy nampoizina. Bonheur —. Fahasambarana *tsy nantenaina*, etc.

INESTIMABLE, *adj.* Tsy azo tombanana. Tableau—. Sary *tsy azo tombanana*.

INÉVITABLE, *adj.* Tsy azo andosirana, tsy azo iviliana. Malheur —. Loza *tsy azo andosirana*, etc.

INÉVITABLEMENT, *adv.* Tsy azo andosirana, tsy azo iviliana.

INEXACT, ACTE, *adj.* Diso fotoana, diso, tsy marina. Écolier —. Mpianatra *diso fotoana, diso*. Calcul —. Marika *diso, tsy marina*. Récit —. Tantara *tsy marina*.

INEXACTEMENT, *adv.* Diso, tsy marina.

INEXACTITUDE, *sf.* 1° Hadisoana, tsy fahamarinana. 2°—, Diso, zavatra tsy marina. Il y a des inexactitudes dans cet ouvrage. Misy *diso, zavatra tsy marina* amin' io boky io.

INEXCUSABLE, *adj.* Mendrika botsinina Faute —. Hadisoana *mendrika hotsinina*. Il est —. *Mendrika hotsinina* izy.

INEXÉCUTABLE, *adj.* Tsy azo tanterahina, — atao, — arahina. Loi —. Lalána *tsy azo tanterahina, tsy azo arahina*.

INEXÉCUTÉ, ÉE, *adj.* Tsy tanteraka, tsy vita. Projet —. Fikasana *tsy tanteraka*.

INEXÉCUTION, *sf.* Tsy fanatanterahana, tsy fanaovana, tsy fanarahana.

INEXERCÉ, ÉE, *adj.* Tsy mahay. Ce travail est d'une main inexercée. Nataon' ny *tsy mahay* izany asa izany.

INEXIGIBLE, *adj.* Tsy azo takina.

INEXORABLE, *adj.* Tsy azo ifonana, tsy azo atodi-doha. Dieu sera — au jugement dernier. *Tsy ho azo ifonana* Andriamanitra amy ny fitsarana farany. Juge —. Mpitsara *tsy azo ifonana*, etc.

INEXORABLEMENT, *adv.* Aminkalozana.

INEXPÉRIENCE, *sf.* Tsy fahalalan-javatra, tsy fahaizana.

INEXPÉRIMENTÉ, ÉE, *adj.* 1° Tsy mahalala zavatra, tsy mahay. Général —. Jeneraly *tsy mahay*. 2°—, Tsy voatsapa, tsy nandramana. Méthode inexpérimentée. Fomba *tsy voatsapa*, etc.

INEXPERT, ERTE, *adj.* Tsy mahay.

INEXPIABLE, *adj.* Tsy azo onerana. Crime —. Heloka *tsy azo onerana*.

INEXPIÉ, ÉE, *adj.* Tsy voaonitra. Faute inexpiée. Fahotana *tsy voaonitra*.

INEXPLICABLE, *adj.* 1° Tsy azo hazavaina. Mystère —. Mistery *tsy azo hazavaina*. 2°—, Tsy azo fantarina, hafahafa. Sa conduite est —. *Tsy azo fantarina*, etc., ny fitondran-tenany.

INEXPLIQUÉ, ÉE, *adj.* Tsy voazava. Fait —. Zavatra *tsy voazava*.

INEXPLOITÉ, ÉE, *adj.* Tsy voasa, tsy voakapa, tsy voahady. Voy. EXPLOITER.

INEXPLORÉ, ÉE, *adj.* Tsy voazaha.

INEXPLOSIBLE, *adj.* Tsy mety mipoaka.

INEXPRIMABLE, *adj.* Tsy azo lazaina.

INEXPUGNABLE, *adj.* 1° Tsy mety afaka, tsy azo anihina, tsy azo alana. Ville —. Tanána *tsy mety afaka*, etc. 2° *fig.* Tsy mety ketraka. Vertu —. Hatsaram-panahy *tsy mety ketraka*.

INEXTINGUIBLE, *adj.* 1° Tsy azo vonoina, tsy mety maty. Le feu — de l'enfer. Ny afo *tsy mety maty* any amy ny afobe. 2° *fig.* Tsy mety afaka. Soif—, Hetaheta *tsy mety afaka*. ‖ *loc.* Être saisi d'un rire —. Toran' ny hehy.

INEXTRICABLE, *adj.* Tsy azo hazavaina, tsy misy hialana. Difficultés inextricables. Zava-tsarotra *tsy azo hazavaina*, etc.

INFAILLIBILITÉ, *sf.* 1° Tsy fisalasalana, fahombiasana. 2°—, Ny tsy fetezana ho diso hevitra.

INFAILLIBLE, *adj.* 1° Tsy misy isalasalana, mahomby tokoa, tsy maintsy.... Le succès de cette affaire est —. *Tsy misy isalasalana* fa ho tsara, *tsy maintsy* ho tsara izany raharaha izany. Ce remède est —. *Mahomby tokoa, tsy*

maintsy mahasitrana io fanafody io. 2°—, Tsy mety diso hevitra. Dieu est—. *Tsy mety diso hevitra* Andriamanitra.

INFAILLIBLEMENT, *adv.* Tsy maintsy.

INFAISABLE, *adj.* Tsy azo atao.

INFAMANT, ANTE, *adj.* Mahafa-baraka.

INFÂME, *adj.* 1° Afa-baraka. Personne—. Olona *afa-baraka.* 2°—, Mahafabaraka. Conduite—. Fitondran-tena *mahafa-baraka.*

—, *s.* Olona afa-baraka.

INFAMIE, *sf.* 1° Fahafaham-baraka. 2°—, Zavatra mahafa-baraka, fanevatevana. Il m'a dit mille infamies. *Nanala baraka, nanevateva* ahy loatra izy.

INFANTERIE, *sf.* Miaramila an-tongotra.

INFANTICIDE, *sm.* 1° Famonoanjaza, fanohofan-jaza. 2°—, Mpamono zaza, mpanoho-jaza.

INFATIGABLE, *adj.* Tsy mety sasatra, tsy mety kivin' ny hasasarana. Cheval —. Soavaly *tsy mety sasatra.* Zèle —. Fahazotoana *tsy mety kivin' ny hasasarana.*

INFATIGABLEMENT, *adv.* Tsy mety sasatra.

INFATUATION, *sf.* Fitompoan-teny fantatra, hadalana, fitiavana loatra.

INFATUÉ, ÉE, *adj.* Mitompo teny fantatra, adala, tia loatra. Il est — de cette opinion. *Mitompo teny fantatra, adala* amin' izany hevitra izany izy. Il est — de cet homme-là. Tafahoatra *loatra* ny *fitiavany* io lehilahy io. Il est — de sa personne. *Tia* tena *loatra* izy.

INFATUER, *va.* Mampitompo teny fantatra, mahadala, mampitia loatra.

S'infatuer, *vpr.* Mitompo teny fantatra, adala, tia loatra.

INFÉCOND, ONDE, *adj.* 1° Tsy mahavokatra, tsy lonaka. Terre inféconde. Tany *tsy mahavokatra,* etc. 2° —, Tsy mahaforon-javatra. Esprit —. Saina *tsy mahaforon-javatra.*

INFÉCONDITÉ, *sf.* Tsy fahavokarana.

INFECT, ECTE, *adj.* Mantsina, mavoroka. Vapeurs infectes. Fofona *mantsina,* etc.

INFECTER, *va.* Manamantsina. Cette charogne infecte le voisinage. Izany fatim-biby izany *manamantsina* ny tany manodidina. 2° *fig.* Manimba. L'hérésie infecte le pays. *Manimba* ny tany ny herezia.

S'infecter, *vpr.* Mantsina.

INFECTION, *sf.* Hamantsina, havoroka.

INFÉRER, *va.* Maka hevitra. Voy. INDUIRE.

INFÉRIEUR, EURE, *adj.* 1° Ambany. La lèvre inférieure. Ny molotra *ambany.* La Germanie inférieure. Ny Germania *ambany.* 2° *fig.* Ambany, latsaka, ambáka. Les classes inférieures de la société. Ny *ambany* toetra. Son talent est — au vôtre. *Latsaka* noho ny anao ny fahiratan-tsainy. Vous ne lui êtes pas — en science. Tsy *ambáka* noho izy hianao amy ny fahaizana.

—, *s.* Ny olom-pehezina. Les inférieurs doivent respect aux supérieurs. Ny *olompehezina* tsy maintsy hanaja ny lehibeny.

INFÉRIEUREMENT, *adv.* Latsaka.

INFÉRIORITÉ, *sf.* Fahambaniana, fahalatsahana.

INFERNAL, ALE, *adj.* 1° Momba ny afobe. Les puissances infernales. Ny herin' *ny afobe.* 2° *fig.* Ratsy izaitsizy, mafy dia mafy. Idée infernale. Hevitra *ratsy izaitsizy.* Bruit —. Tabataba *mafy dia mafy.*

INFERTILE, *adj.* Tsy mahavokatra. Terre —. Tany *tsy mahavokatra.*

INFERTILITÉ, *sf.* Tsy fahavokarana.

INFESTER, *va.* Mampahory, mampidi-doza. Les brigands infestaient le pays. Ny tontakely *nampahory,* etc., ny tany. Les sauterelles infestèrent l'Egypte. Ny valala *nampahory,* etc., any Ejipta.

INFIDÈLE, *adj.* 1° Mivadika, mamadika, manody. Il est — à sa parole. *Mivadika, mamadika* ny teny napetrany izy. Ami —. Sakaiza *mamadika, manody.* 2°—, Tsy mahatoky, tsy azo itokiana, tsy marina. Serviteur—. Mpanompo *tsy mahatoky.* La mer est une élément —. Zavatra *tsy azo itokiana* ny ranomasina. Récit —. Tantara *tsy marina.* || *loc.* La fortune lui devint —. Tsy nambinina intsony izy. Il a la mémoire—. Maty arika izy. 3°—, Tsy mino any Jeso-Kristy. Peuples infidèles. Firenena *tsy mino any Jeso-Kristy.*

—, *s.* Tsy mpino any Jeso-Kristy.

INFIDÈLEMENT, *adv.* 1° Mivadika, mamadika, manody. 2° —, Tsy mahatoky, tsy marina.

INFIDÉLITÉ, *sf.* 1° Fivadihana, fama-

dihana. 2°—, Halatra, tsy fabamarinana, zavatra tsy marina, diso. Ce domestique a commis une —. *Nangalagalatra* io mpanompo io. Il y a des infidélités dans cette traduction. Misy *tsy marina, diso* amin' ity dikan-teny ity. 3°—, Tsy finoana any Jeso-Kristy.

INFILTRATION, *sf.* Fitsihana.

INFILTRER (S'), *vpr.* Mitsika. L'eau s'infiltre dans la terre. *Mitsika* any anaty tany ny rano.

INFIME, *adj.* Ambany indrindra, farany. Il sort des rangs infimes de la société. Avy amin' izay *ambany* toetra *indrindra*, avy amy ny *faraidiny, faravody* gilasiny izy.

INFINI, IE, *adj.* 1° Tsy misy fetra, tsy misy farany, tsy manam-piafarana, tsy manam-pahataperana. La puissance de Dieu est infinie. Tsy *misy fetra* ny fahefan' Andriamanitra. Une durée infinie. Taona *tsy misy farany, tsy manam-piafarana, tsy manam-pahataperana.* 2°—, Ela dia ela. Il y a un temps — que je suis arrivé. Efa *ela dia ela* no nahatongavako. 3°—, Tsy tambo isaina, alinalina, tsy hita isa. Il y avait un monde—dans cette assemblée. Nisy vahoaka *tsy tambo isaina,* etc., tamin' izany fivoriana izany. 4°—, Lehibe dia lehibe. Je ressens une joie infinie. Azon' ny hafaliana *lehibe dia lehibe* aho.

—, *sm.* Zavatra tsy misy fetra, — tsy misy farany.

À l'infini, *loc. adv.* Tsy misy fetra, tsy misy farany. Supposer une ligne prolongée à l'—. Mihevitra tsipika anankiray *tsy misy farany.*

INFINIMENT, *adv.* 1° Tsy misy fetra, tsy misy farany. Dieu est — bon. *Tsy misy fetra* ny hatsaram-pon' Andriamanitra. 2°—, Izaitsizy. Il a — d'esprit. Mahira-tsaina *izaitsizy* izy.

INFINITÉ, *sf.* 1° Tsy fisiam-petra, tsy fisiam-parany. 2°—, Hamaroana tsy tambo isaina. Une — de gens ont cru cette nouvelle. Olona *tsy tambo isaina* no nino izany zava-baovao izany.

INFINITÉSIMAL, ALE, *adj.* Kely indrindra. Doses infinitésimales. Lanjam-panafody *kely indrindra.*

INFIRME, *adj.* 1° Farary, farofy, kilemaina. Vieillard —. Lahiantitra *farary,* etc. 2°—, Malemy, osa.

INFIRMER, *va.* Manafoana. — un jugement. *Manafoana* teny fitsarana.

INFIRMERIE, *sf.* Efi-trano fitsaboana.

INFIRMIER, IÈRE, *s.* Mpitsabo.

INFIRMITÉ, *sf.* 1° Rofy, kilema. Les infirmités corporelles. Ny *rofy, kilema* mpanjó ny vatana. La cécité est une —. Ny hajambana dia *kilema.* 2° *fig.* Fahalemena, fahosana, hadisoana. L'— humaine. Ny *fahalemena, fahosan'* ny olombelona. Il faut supporter les infirmités du prochain. Tsy maintsy holeferina ny *hadisoan'* ny namana.

INFLAMMABLE, *adj.* Mora mirehitra.

INFLAMMATION, *sf.* 1° Firehetana. 2° *fig.* Firehetana, fahamaizana, fangotrakotrahana, faharatsiana. Il a une — d'estomac. *Mirehidrehitra, maimay* ny ambavafóny. Il y a — à cette plaie. *Miharatsy* izany fery izany.

INFLAMMATOIRE, *adj.* Mampangotrakotraka, mangotrakotraka, mahamay. Fièvre —. Tazo *mampangotrakotraka,* etc.

INFLEXIBILITÉ, *sf.* 1° Ny tsy ahazoana alefitra. 2° *fig.* Ny tsy ahazoana ifonana.

INFLEXIBLE, *adj.* 1° Tsy azo alefitra. Bois —. Hazo *tsy azo alefitra.* 2° *fig.* Tsy azo ifonana, tsy azo atodi-doha, tsy azo atao ahoana amin' ahoana, tsy azo ahodina. Juge —. Mpitsara *tsy azo ifonana.* etc. Opiniâtreté —. Fikiribibiana *tsy azo atao ahoana amin' ahoana.* Vertu —. Hatsaram-panahy *tsy azo ahodina.*

INFLEXIBLEMENT, *adv.* Tsy amimpiovana, mafy.

INFLEXION, *sf.* 1° Fileferana, fiondrehana. 2°—, Fiolahana, fiovana. Ce chanteur a des inflexions de voix agréables. Mahay *manolakola*-peo mahafinaritra io mpihira io. Cet orateur n'a point d'— de voix: Tsy *manova* feo io mpandahateny io.

INFLIGER, *va.* Mandidy, manazy, mamay. Il m'a infligé une forte pénitence. *Nandidy* ahy hanao asa fivalozana mafy izy, *nosazeny* mafy aho. —une amende. *Manazy.* —un châtiment. *Mamay.*

INFLUENCE, *sf.* 1° Hery. La lune a de l'— sur les marées. Manan-*kery* hanintona ny ranomasina ny volana. 2° *fig.* Hery, fitarihana, fitaomana. L'— de l'opinion publique. Ny *herin'* ny hevitry ny be sy ny maro. Il a de l'— sur le peuple. *Mahatarika, mahataona* ny vahoaka izy.

INFLUENCER, *va.* Mahatarika, mitarika, mahataona.

INFLUENT, ENTE, *adj.* Manan-kery, mahatarika, mahataona. Personnage —. Olona *manan-kery*, etc.

INFLUER, *vn.* 1° Manan-kery. La chaleur influe sur la végétation. *Manan-kery* mba hampaniry ny zava-maniry ny hafanana. 2° *fig.* Manan-kery, mitarika, mitaona. Ces lois influèrent beaucoup sur les mœurs. Ireo lalána ireo *nanan-kery* lehibe mba hahatsara ny fitondran-tenan' ny olona. Ce motif a influé sur sa résolution. Izany no antony *nitarika, nitaona* azy mba hikasa izany.

INFORMATION, *sf.* Fanadinana, fanadihadiana, famotopotorana, famakafakana, fanontaniana.

INFORME, *adj.* 1° Tsy hita izay ilazana ny endriny. Animal —. Biby *tsy hita izay ilazana ny endriny.* 2° *fig* Ambangovango. Ouvrage —. Boky *ambangovango.*

INFORMÉ, ÉE, *p.* et *adj.* Nilazana, nanambarana, nandre, nahafantatra. Je suis bien —. Efa *nilazana, nanambarana* tsara aho, efa *reko, fantatro* tsara izany.

—, *sm.* Fanadinana, fanadihadiana, famotopotorana, famakafakana. Attendons jusqu'à plus ample —. Aoka aloha *hoadinina, hohadihadina, hofotopotorana, hofakafakaina* tsaratsara kokoa izany.

INFORMER, *va.* Milaza, manambara, mampandre, mampahafantatra. Informez-le de cette affaire. *Ilazao, anambarao, ampandreneso, ampahafantaro* izao raharaha izao izy.

—, *vn.* Manadina, manadihady, mamotopototra, mamakafaka. Le tribunal informe sur cet assassinat. Ny mpitsara *manadina*, etc., ny amin' izany olona novonoin' olona izany.

S'informer, *vpr.* Manadina, manadihady, mamotopototra, mamakafaka, manontany, manantsafa. S'— de la conduite de quelqu'un. *Manadina*, etc., ny fitondran-tenan' olona. S'— de la santé de quelqu'un. *Manontany* ny toetr' olona ananiray. S'— de la santé du souverain. *Manantsafa* andriana.

INFORTUNE, *sf.* Fahoriana, loza, voina, antambo.

INFORTUNÉ, ÉE, *adj.* et *s.* Azompahoriana, azon-doza, azom-boina, azon' antambo. Prince —. Mpanjaka *azompahoriana*, etc.

INFRACTEUR, *sm.* Mpandika.

INFRACTION, *sf.* Fandikana. C'est une — à la loi. *Fandikana* ny lalána izany. Ils ont fait une — au traité. *Nandika* ny fanekem-pihavanana izy ireo.

INFRANCHISSABLE, *adj.* Tsy azo dikaina, — vikinina, — ihoarana.

INFRÉQUENTÉ, ÉE, *adj.* Vitsy olona mandrakariva. Rue infréquentée. Araben dálana *vitsy mpandeha mandrakariva.*

INFRUCTUEUSEMENT, *adv.* Foana, aim-bery foana. Il a travaillé —. Sasa-*poana* izy, *aim-bery foana* ny nataony.

INFRUCTUEUX, EUSE, *adj.* Tsy misy vokatra, foana. Travail —. Lahasa *tsy misy vokatra, foana.* Il a fait des recherches infructueuses. Nitaditady *foana* izy.

INFUS, USE, *adj.* Nomen' Andriamanitra fotsiny. Science —. Fahaizana *nomen' Andriamanitra fotsiny.*

INFUSER, *va.* Mandona. — des plantes amères dans du vin. *Mandona* zava-maniry mangidy ao anaty divay.

S'infuser, *vpr.* Milona. Le thé s'infuse. *Milona* ny dité.

INFUSIBLE, *adj.* Tsy azo empoina. Métal —. Metaly *tsy azo empoina.*

INFUSION, *sf.* 1° Fandomana. Faire une — dans de l'eau bouillante. *Mandon*-javatra ao anaty rano mangotraka. 2° —, Ranon-javatra natona. Buvez cette — de thé. Sotroy ity *ranon*-dite *voalona* ity.

INGAMBE, *adj.* Mavitrika. Ce vieillard est encore —. Mbola *mavitrika* hiany io lahiantitra io.

INGÉNIER (S'), *vpr.* Mandinika, misaintsaina, mihevitra. Ingéniez-vous pour sortir de cet embarras. *Diniho, saintsaino, hevero* izay hialanao amin' izany fahasahiranana izany.

INGÉNIEUR, *sm.* Tompo-marika amy ny lalam-be, amy ny batery, etc., mpitarika amy ny fihadiana metaly.

INGÉNIEUSEMENT, *adv.* Amim-pahaizana, amim-pahiratan-tsaina.

INGÉNIEUX, EUSE, *adj.* 1° Mahay, mahaforon-javatra. Homme —. Lehilahy *mahay*, etc. 2° —, Mampiseho fahaizana, — *tahiratan-tsaina.* Cette machine



est fort ingénieuse. *Mampiseho fahaizana* lalina ity mili a ity. Cette comparaison est ingénieuse. *Mampiseho fahiratan-tsaina* izany fanoharana izany.

INGÉNU, UE, *adj.* et *s.* 1° Tsotra. Garçon —. Zazalahy *tsotra* 2°—. Mampiseho fahatsorana. Réponse ingénue. Valin-teny *mampiseho fahatsorana*.

—, *s.* Tsotra. Faire l'—. Mody *tsotra*.

INGÉNUITÉ, *sf.* Fahatsorana. Parler avec —. Miteny amim-*pahatsorana*.

INGÉNUMENT, *adv.* Amim-pahatsorana, tsotra.

INGÉRENCE, *sf.* Fisisihana.

INGÉRER, *va.* Manesika ao am-bavafó.

S'ingérer, *vpr.* Misisika, misalovana. Comme S'IMMISCER.

INGOUVERNABLE, *adj.* Tsy azo entina, tsy azo fehezina.

INGRAT, ATE, *adj.* 1° Tsy mankasitraka, tsy mahavaly fitia, tsy mahavaly bon'ana. Ami—. Sakaiza *tsy mankasitraka*, etc. 2° *fig.* Tsy mahavokatra, tsy misy vokatra, foana, sarotra itarina. Terre ingrate Tany *tsy mahavokatra*. Affaire ingrate. Raharaha *tsy misy vokatra, foana*. Vous travai lez sur un sujet —. Mivaofy foto-kevitra *sarotra itarina* hianao.

—, *s* Olona tsy mankasitraka, — tsy mahavaly fitia. ‖ *loc.* Nourrir un —. Mamelon-jana-dahy a'ra.

INGRATITUDE, *sf.* Tsy fankasitrahana, tsy fahavaliam-pitia. ‖ *loc.* Répondre à des bienfaits par des ingratitudes. Mitsipa-doha lalan-nitana.

INGRÉDIENT, *sm.* Zavatra aharo, laro. Quels ingrédients avez-vous mis dans ce breuvage? Inona avy no *zavatra naharonao* tamin' io fisotro io? Ingrédients qu'on mêle au rhum. *Laron*-toaka.

INGUÉRISSABLE, *adj.* Tsy azo sitranina, tsy mety sitrana Comme INCURABLE.

INGUINAL, ALE, *adj.* Amy ny teta.

INGURGITER, *va.* Mitelina haingana, manao telimoka.

INHABILE, *adj.* 1° Tsy mahay. Dessinateur —. Mpanao sary *tsy mahay*. 2°—, Tsy mahazo Il est — à contracter. *Tsy mahazo* manao fanekena izy.

INHABILETÉ, *sf.* Tsy fahaizana.

INHABILITÉ, *sf.* Tsy fahazoana.

INHABITABLE, *adj.* Tsy azo itoerana, tsy azo onenana. Maison —. Trano *tsy azo itoerana*. Pays —. Tany *tsy azo onenana*.

INHABITÉ, ÉE, *adj.* Foana, foana olona, tsy misy mponina, haolo. Ville inhabitée. Tanàna *foana*, etc.

INHÉRENCE, *sf.* Ny tsy ahazoana misaraka.

INHÉRENT, ENTE, *adj.* Tsy mahazo misaraka, vadin-koditra. La pesanteur est inhérente à la matière. Ny havesarana *tsy mahazo misaraka* amy ny tenanjavatra. La faiblesse est inhérente à la nature humaine. Ny fahosana no *vadinkoditry* ny lomban sika olombelona.

INHOSPITALIER, IÈRE, *adj.* Tsy tia vahiny. Peuple —. Firenena *tsy tia vahiny*. Terre inhospitalière. Tany *tsy tia vahiny*.

INHOSPITALITÉ, *sf.* Tsy fitiavambahiny.

INHUMAIN, AINE, *adj.* et *s.* 1° Masiaka, lozabe, tsy mifaditrovana. Maître —. Tompo *masiaka*, etc. 2°—, Mampiseho hasiahana, — halozana. Coutume inhumaine. Fomba *mampiseho hasiahana*, etc.

INHUMAINEMENT, *adv.* Amin-kasiahana, amin-kalozana.

INHUMANITÉ, *sf.* Hasiahana, halozana.

INHUMATION, *sf.* Fandevenana, fanitrihana, fanaienana.

INHUMER, *va.* Mandevina, manitrika, manalina. Comme ENSEVELIR.

INIMAGINABLE, *adj.* Tsy azo heverina.

INIMITABLE, *adj.* Tsy azo alain-tahaka. — ianarana, — arahina.

INIMITIÉ, *sf.* Fifankahalana, fifandrafesana, fankahalana, halavolo. Il existait une grande — entre ces familles. *Nifankahala, ni andrafy* mafy ireo fianakaviana ireo. Avoir de l'— pour une personne. *Mankahala* olona, manao *halavolo* amin' olona.

ININTELLIGIBLE, *adj.* Tsy azo fantarina.

ININTERROMPU, UE, *adj.* Sesilany, mitanindry lany. Une suite ininterrompue d'affaires. Raharaha *sesilany*, etc.

INIQUE, *adj.* Tsy marina, tsy an-drariny, tsy araka ny rariny. Comme INJUSTE.

INIQUEMENT, *adv.* Tsy marina, tsy an-drariny, tsy araka ny rariny.

INIQUITÉ, *sf.* 1° Tsy fahamarinana. 2°—,

Zavatra tsy marina. Commettre des iniquités. Manao *zavatra tsy marina.* 3° —, Fitondran-tena ratsy, faharatsiana, heloka, fahotana. L'— couvrait la face de la terre. Ny *fitondran-tena ratsy, faharatsiana* nanafotra ny tany. Jésus-Christ s'est chargé de nos iniquités. Nivesatra ny *helotsika,* ny *fahotantsika,* nisolo *heloka* antsika Jeso-Kristy.

INITIAL, ALE, *adj.* Voalohany.

—, *sf.* Litera voalohany.

INITIATION, *sf.* Fandraisana, fanambarána.

INITIATIVE, *sf.* Famosahan-kevitra anankiray voalohany. C'est lui qui prit l'—. Izy no *voalohany namosaka* izany *hevitra* izany.

INITIÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Voaray, noraisina. Il n'est pas encore — dans cette société secrète. Tsy mbola *voaray, noraisina* ao anatin' izany fikambanana miafina izany izy. 2°—, Nanambarána, nampianarina, mianatra. Il n'est pas — dans le secret. Tsy mba *nanambarána* ny tsiambaratelo izy. Il est un peu — à la philosophie. *Nianatra* kely ny filozofý izy.

—, *s.* Olona voaray amy ny fikambanana miafina.

INITIER, *va.* 1° Mandray. 2°—, Manambara, mampianatra.

S'initier, *vpr.* Mianatra.

INJECTER, *va.* Manisy basirano. — du lait dans l'oreille. *Manisy basirano* ronono ao anaty sofina.

INJECTION, *sf.* 1° Fanisiana basirano. 2°—, Ranom-panafody anaovana basirano.

INJONCTION, *sf.* Didy. Faire une —. Comme ENJOINDRE.

INJURE, *sf.* 1° Fanalikalikana, fanevatevana, faniratsirana, fikizahana, vava ratsy, teny maharary, teny mahatezitra. Faire une — à quelqu'un. *Manalikalika, manevateva, maniratsira* olona. Dire des injures à quelqu'un. *Manalikalika, manevateva, maniratsira, mikizaka* olona, manao *vava ratsy, teny maharary, teny mahatezitra* amin' olona. 2° *fig.* Cet édifice a ressenti l'—du temps. Simba noho ny haelany io trano io. Il a éprouvé les injures du sort. Nidiran-doza izy.

INJURIER, *va.* Manalikalika, manevateva, maniratsira, mikizaka, manao vava ratsy, — teny maharary, — teny mahatezitra.

S'injurier, *vpr.* Mifanalikalika, etc.

INJURIEUSEMENT, *adv.* Amim-panevatevana, amim-paniratsirana, amim-pikizahana.

INJURIEUX, EUSE, *adj.* Manevateva, maniratsira, mikizaka, maharary, mahatezitra, mihoatroatra. Paroles injurieuses. Teny *manevateva,* etc.

INJUSTE, *adj.* Tsy marina, tsy an-drariny, tsy araka ny rariny. Homme —. Lehilahy *tsy marina.* Jugement —. Fitsarana *tsy marina, tsy araka ny rariny.* Condamnation —. Fanamelohana *tsy marina,* etc.

—, *s.* Olona tsy marina.

—, *sm.* Ny tsy marina.

INJUSTEMENT, *adv.* Tsy marina, tsy an-drariny, lainga. Vous l'accusez —. Miampanga *tsy marina,* etc., azy hianao.

INJUSTICE, *sf.* 1° Tsy fahamarinana. L'—du juge les indigna. Nahatezitra azy ireo ny *tsy fahamarinan'* ny mpitsara. 2°—, Zavatra tsy marina. Je me plains de cette —. Mitaraina amin' izany *zavatra tsy marina* izany aho.

INJUSTIFIABLE, *adj.* Tsy azo alantsiny.

INNAVIGABLE, *adj.* Tsy azon' ny ny sambo aleha.

INNÉ, ÉE, *adj.* Hatry ny fony kely. Nous avons dans l'âme un principe — de justice. Tao anatin' ny saintsika *hatry ny fony kely* ny hevitry ny fahamarinana.

INNOCEMMENT, *adv.* 1° Amim-pahadiovam-po. 2°—, Amim-pahatsorana. Il a fait cela —. *Tamim-pahatsorana* no nanaovany izany. Il a raconté cette sottise —. Nitantara izany zavatra tsy misy hoviny izany *tamim-pahatsorana* izy.

INNOCENCE, *sf.* 1° Tsy fananan-tsiny, fahadiovam-po. On a reconnu son —. Hita fa *tsy manan-tsiny* izy. Il vit dans l'—. Manao fitondran-tena *madio* izy. 2°—, Fahatsorana, hatsorana. Quelle — ! Endrey, izany *fahatsorana, hatsoran'* olona !

INNOCENT, ENTE, *adj.* et *s.* 1° Tsy manan-tsiny, tsy meloka, madio fo, madio. Il est — du crime dont on l'accuse. *Tsy manan-tsiny, tsy meloka* amy ny heloka iampangana azy izy. Une jeune fille innocente. Tovovavy *madio fo.* Jeux innocents. Lalao *madio.* 2°—, Tsotra, morabe. Vous êtes bien — de croire ce

la. *Tsotra* loatra hianao, raha mino izany. L'agneau est un animal fort —. Biby *morabe* ny zanak' ondry.

INNOMBRABLE, *adj.* Tsy tambo isaina, tsy hita isa, alinalina, tsy omby alinalina, alimiaina, arivomiaina, zavontany, manetrinketrina, tsy hita zambazamba. Une foule —. Vahoaka maro *tsy tambo isaina*, etc. — comme les grains de sable du bord de la mer. *Tsy hita zambazamba* hoatra ny fasika eny amoron-dranomasina.

INNOVATEUR, TRICE, *s.* Mpamorona fomba vaovao, mpanova.

INNOVATION, *sf.* Fomba vaovao, fanovana. C'est une — dangereuse. Hampidi-doza izany *fomba vaovao*, etc., izany.

INNOVER, *va.* Mamorona fomba vaovao, manova.

INOBSERVANCE, INOBSERVATION, *sf.* Tsy fitandremana, — fanatanterahana, — fanarahana.

INOCCUPÉ, ÉE, *adj.* 1° Tsy manandraharaha. Homme —. Olona *tsy manan-draharaha*. 2° —, Foana, tsy misy mpipetraka. Fauteuil —. Sezabe *foana* olona, etc.

INOCULATEUR, TRICE, *s.* Mpamindra areti-mifindra amy ny tenan' olona, mpanao vaksina.

INOCULATION, *sf.* 1° Famindrana areti-mifindra amy ny tenan' olona, fanaovana vaksina. 2° *fig.* Fampinoana.

INOCULER, *va.* 1° Mamindra aretimifindra amy ny tenan' olona, manao vaksina. — la petite-vérole. *Mamindra nendra amy ny tenan' olona, manao vaksina*. 2° *fig.* Mampino. Il lui a inoculé ses idées. *Nampino* azy ny heviny izy.

INODORE, *adj.* Tsy misy fofona.

INOFFENSIF, IVE, *adj.* Mora, malefaka, morabe. Paroles inoffensives. Teny *mora, malefaka*. Animal —. Biby *morabe*.

INONDATION, *sf.* 1° Fahatondrahandrano, ranobe, rano mangeningenina, — mangeniheny. Ces inondations fertilisent l'Egypte. Mahalonaka any Ejipta izany *fahatondrahan-drano*, etc., izany. 2° *fig.* Fibosesika.

INONDER, *va.* 1° Manafotra. Le fleuve inonde la plaine. *Manafotra* ny tany lemaka ny ony. Les larmes inondent son visage. *Safotry* ny ranomaso ny tarehiny. 2° *fig.* Mibosesika. Les barbares inondèrent l'Italie. *Nibosesika* tany Italia ny barbariana.

INOPINÉ, ÉE, *adj.* Tsy nampoizina. Bonheur —. Hasambarana *tsy nampoizina*.

INOPINÉMENT, *adv.* Tampoka. Il est arrivé —. Tonga *tampoka* izy.

INOPPORTUN, UNE, *adj.* Amy ny fotoana manahirana, — tsy mety. Visite inopportune. Famangiana atao *amy ny fotoana manahirana*. Cette mesure est encore inopportune. *Tsy* mbola tonga *ny fotoana mety* hanaovana izany.

INOPPORTUNITÉ, *sf.* Ny tsy fetezana.

INORGANIQUE, *adj.* Tsy manana aina, tsy maniry.

INOUÏ, ÏE, *adj.* Tsy re, safatsiroa. Il est — que pareille chose soit jamais arrivée. *Tsy* mbola *re* fa nisy zavatra toy izany. Il montra une cruauté inouïe. Nampiseho hasiahana *safatsiroa* izy.

INQUALIFIABLE, *adj.* Tsy hita izay hilazana. Sa conduite est —. *Tsy hita izay hilazana* ny fitondran-tenany.

INQUIET, ÈTE, *adj.* 1° Manahy, manana ahiahy, be ahiahy, miahiahy, manana eritreritra, vodivodiana, maodimaody, marimarika, mandry tsirangaranga, tsy tafandry mandry. Il est — sur cette affaire. *Manahy*, etc., amin'izany raharaha izany izy. 2° —, Madisadisa. C'est un esprit —. Olona *madisadisa* izy.

INQUIÉTANT, ANTE, *adj.* Mampanana ahiahy, mahabe ahiahy, mampiahiahy. Maladie inquiétante. Aretina *mampanana ahiahy*, etc.

INQUIÉTER, *va.* 1° Mampanahy, mampanana ahiahy, mahabe ahiahy, mampiahiahy, mampanana eritreritra. Cette nouvelle m'inquiète. *Mampanahy*, etc., ahy izany zava-baovao izany. 2° —, Manohitra, misakana, manahirana. On ne m'a jamais inquiété dans la possession de cette terre. Tsy mbola nisy *nanohitra, nisakana* ahy tamy ny nananako izany tany izany. Les ennemis inquiétaient notre armée. *Nanahirana* ny tafitsika ny fahavalo

S'inquiéter, *vpr.* Manahy, manana ahiahy, miahiahy, mahina, vodivodiana, maodimaody. De quoi vous inquiétez-vous? Inona no *ahinao?* Il ne s'inquiète de rien. Tsy *manahy*, etc., na amin' inona na amin' inona izy.

INQUIÉTUDE, *sf.* 1° Fanahiana, ahiahy, fiahiahiana. Être dans une— mortelle. *Manahy, miahiahy* mafy, mandry an-driran' antsy. 2°—, Fahadisadisana. Le malade a passé la nuit dans une grande—. *Nadisadisa* fatratra halina ny marary.

INQUISITEUR, *sm.* Mpanadina, mpamotopototra, mpanadihady.

INQUISITION, *sf.* Fanadinana, famotopotorana, fanadihadiana.

INSAISISSABLE, *adj.* 1° Tsy azo samborina. Voleur—. Mpangalatra *tsy azo samborina.* 2°—, Tsy azo alaina, tsy azo baboina. Les objets que la loi déclare insaisissables. Ny zavatra izay lazain' ny lalána fa *tsy azo alaina,* etc. 3° *fig.* Tsy azo fantarina. Le sens de ce mot est—. *Tsy azo fantarina* ny hevitr'io teny io.

INSALUBRE, *adj.* Manimba ny hasalamana.

INSALUBRITÉ, *sf.* Haratsiana. L'— de l' air cause des maladies. Ny *haratsian'* ny rivotra mahatonga aretina.

INSANITÉ, *sf.* Hadalana.

INSATIABILITÉ, *sf.* 1° Tsy fetezana ho voky. 2° *fig.* Tsy fahafaham-po.

INSATIABLE, *adj.* 1° Tsy mety voky. Il a une faim—. Noana *tsy mety voky* izy. 2° *fig.* Tsy mety afa-po. Il est — de richesses. *Tsy mety afa-pon*-karena izy.

INSCIEMMENT, *adv.* Tsy nahy, tsy iniana.

INSCRIPTION, *sf.* 1° Soratra. Déchiffrer une —. Mamaky *soratra.* Il y a une — qui avertit de ne point passer là. Misy *soratra* milaza fa tsy azo aleha ao. 2° —, Fanoratana, fandatsahana an-tsoratra, fanaovana an-tsoratra.

INSCRIRE, *va.* Manoratra, mandatsaka an tsoratra. — ses dépenses. *Manoratra,* etc., ny vola laniny.

S'inscrire, *vpr.* Mandatsaka anarana, misoratra, manoratra ny anarany. Il s'est inscrit sur la liste. *Nandatsaka anarana, nisoratra, nanoratra ny anarany* tao amy ny rejistra izy. ‖ *loc.* S'— en faux. Mandá. Je m'inscris en faux contre ce que vous dites. *Laviko* izay lazainao.

INSCRUTABLE, *adj.* Tsy azo fantarina. Les desseins de Dieu sont inscrutables. *Tsy azo fantarina* ny fikasan' Andriamanitra.

INSECTE, *sm.* 1° Biby kely. 2° *fig.* Olona tsinontsinona.

INSECTICIDE, *adj.* et *sm.* Mahafaty biby kely.

INSECTIVORE, *adj.* Mpihinana biby kely.

INSENSÉ, ÉE, *adj.* et *s.* Adala. Parler comme un —. Manao tenin' *adala.* Ce sont des paroles insensées. Tenin' *adala,* teny *adala* izany.

INSENSIBILITÉ, *sf.* 1° Tsy fahareneserana. 2° —, Tsy fangoraham-po, tsy fitseram-po, hamafy fo, tsy fihontsinana, hadontoana.

INSENSIBLE, *adj.* 1° Tsy mahare. Les végétaux sont insensibles. *Tsy mahare* ny zava-maniry. Il est — au froid *Tsy mahare* hatsiaka izy 2° —, Tsy mangora-po, tsy mitse-po, mafy fo, tsy mihontsina, tsy mampaninona, donto. Il est — aux maux d'autrui. *Tsy mangora-po, tsy mitse-po, mafy fo* amy ny fahorian' ny namana izy. Il est — aux reproches. *Tsy mampihontsina, tsy mampaninona* azy ny fandevilevena, *donto* izy raha anarina. Il est—aux louanges. *Tsy mampaninona* azy ny dera. 3° —, Tsy hita. Le mouvemant de l'aiguille d'une montre est —. *Tsy hita* ny fihetsiky ny sahazam-pamantaranandro.

INSENSIBLEMENT, *adv.* Miandalandalana, tsikelikely. Les plantes croissent —. Mitombo *miandaiandalana,* etc., ny zava-maniry.

INSÉPARABLE, *adj.* 1° Tsy mahazo misaraka. La chaleur est — du feu. *Tsy mahazo misaraka* amy ny afo ny hafanana. 2° —, Tsy misaraka. Amis inséparables. Mpisakaiza *tsy misaraka.*

—, *s.* Mpisakaiza tsy misaraka.

INSÉPARABLEMENT, *adv.* 1° Tsy mahazo misaraka. 2°—, Tsy misaraka.

INSÉRER, *va.* Manisika, manosoka, manampy. —un feuillet dans un livre. *Manisika, manosoka* takela-taratasy iray amy ny boky. — une annonce dans un journal. *Manisika, manampy* filazana amy ny gazety.

INSERMENTÉ, ÉE, *adj.* Tsy nety nively rano, tsy nety nianiana.

INSERTION, *sf.* Fanisihana, fanosohana, fanampiana.

INSIDIEUSEMENT, *adv.* Am-pitaka.

INSIDIEUX, EUSE, *adj.* Manodóka, mahasodóka, mamandrika, mamitaka. Question insidieuse. Fanontaniana ma-

nodóka, etc. Esprit—. Olona *mamandrika, mamitaka*.

INSIGNE, *adj.* Lehibe dia lehibe, malaza, izaitsizy. Bonheur—. Hasambarana *lehibe dia lehibe*. Un—fripon. Mpifetsy *malaza, izaitsizy*.

—, *sm.* Marika ahafantarana. Les insignes royaux. Ny *marika ahafantarana* ny mpanjaka.

INSIGNIFIANCE, *sf.* Hatsinontsinona.

INSIGNIFIANT, ANTE, *adj.* Tsinontsinona. Livre—. Boky *tsinontsinona*.

INSINUANT, ANTE, *adj.* Mahay olona, manambitamby. C'est un homme—. *Mahay olona*, mahay *manambitamby* izy. Langage—. Teny *manambitamby*.

INSINUATION, *sf.* Fanambatambazana, safeli-teny, sao-teny. Exorde par—. Sasin-teny misy *fanambatambazana*. —adroite. *Fanambatambazana* an-kafetsena.— perfide. *Safeli-teny, sao-teny* am-pitaka.

INSINUER, *va.* 1° Mampiditra tsimoramora, manatsofoka—, manisika—. —le doigt dans la plaie. *Mampiditra, manatsofoka tsimoramora* ny rantsantánana ao anaty fery. Le médecin insinua le histouri dans la plaie. *Nosisihan*'ny dokotera ny antsy *tsimoramora* tao anaty fery. 2° *fig.* Mampiditra tsimoramora, mandatsaka—. Insinuez-lui ce'a doucement. *Ampidiro, alatsaho tsimoramora* ao anaty sainy izany.

S'insinuer, *vpr.* 1° Miditra, mitsofoka, misisika. L'air s'insinue dans les poumons. *Miditra* ao anatin' ny avokavoka ny rivotra. Il s'insinue partout. *Misisika* hatraiza hatraiza izy. 2° *fig.* Miditra, milatsaka. L'espoir s'insinue peu à peu dans son âme. *Niditra, nilatsaka* tsikelikely tao am-pony ny fanantenana.

INSIPIDE, *adj.* 1° Tsy misy haminy, tsy misy tsirony, matsatso. Breuvage—. Zavatra fisotro *tsy misy haminy, matsatso*. Mets—. Nahandro *tsy misy haminy*, etc. 2° *fig.* Matsatso, masirasira. Discours—. Laba-teny *matsatso*, etc.

INSIPIDITÉ, *sf.* 1° Hatsatso. 2° *fig.* Hasirasira.

INSISTANCE, *sf.* Faharetana.

INSISTER, *vn.* Maharitra. Il insiste à demander cela. *Maharitra* mangataka izany izy. Il insista beaucoup sur cette preuve. *Naharitra* ela tamin' izany porofo izany izy.

INSOCIABILITÉ, *sf.* Ny tsy ahazoana havanina, — ifanarahana.

INSOCIABLE, *adj.* Tsy azo havanina, — ifanarahana. Homme—. Olona *tsy azo havanina*, etc.

INSOLATION, *sf.* Hafaninana avy amy ny lazon' andro.

INSOLEMMENT, *adv.* Amin-kasahiana loatra, anavonavona. Parler—. Miteny *amin-kasahiana loatra*, etc.

INSOLENCE, *sf.* 1° Hasahiana loatra, fidaondaom-bava, avom-bava, heto-bava, avonavona. On ne peut souffrir son—. Tsy zaka leferina ny *hasahiany loatra*, etc. Il dit des insolences. *Midaondaom-bava*. *miavonavom-bava, mangetogeto-bava*. manao teny *anavonavona* izy. 2°—. Fiavonavonana, fieboebo, fidohadoha, fitohatoha. L'— d'un parvenu. Ny *fiavonavonana*, etc., ny firinga mievotra.

INSOLENT, ENTE, *adj.* 1° Sahy loatra, midaondaom-bava, miavom-bava, mangetogeto-bava, miavonavona, anavonavona. Cette femme est insolente. *Sahy loatra, midaondaom-bava, miavonavom-bava, mangetogeto-bava, miavonavona* loatra io vehivavy io. Paroles insolentes. Teny *anavonavona*. Avoir un air—. *Miavonavona*, milanja orona, miangitrangitra. 2°—, Miavonavona, mieboebo, midohadoha, mitohatoha. Vainqueur—. Mpandresy *miavonavona*, etc.

—, *s.* Mpidaondaom-bava, mpiavom-bava, mpiavonavona.

INSOLITE, *adj.* Tsy fanao.

INSOLUBILITÉ, *sf.* 1° Ny tsy fetezana ho levona. 2° *fig.* Ny tsy ahazoana valiana.

INSOLUBLE, *adj.* 1° Tsy azo levonina, tsy mety levona. 2° *fig.* Tsy azo valiana, tsy misy valy. Question—. Fanontaniana *tsy azo valiana*, etc.

INSOLVABILITÉ, *sf.* Tsy fananankaloa, tsy fahaloavan-trosa, fitondrana kitra.

INSOLVABLE, *adj.* Tsy manan-kaloa, tsy mahaloa, mitondra kitra.

INSOMNIE, *sf.* Tsy fahitana tory. Il éprouve de fréquentes insomnies. *Tsy mahita tory* matetika izy.

INSONDABLE, *adj.* 1° Tsy azo takarina, tsy taka-polopolorina, — pesipesenina. 2° *fig.* Tsy takatry ny saina.

INSOUCIANCE, *sf.* Tsy fiahiana, tsy fanahiana.

INSOUCIANT, ANTE, *adj.* Tsy miahy, tsy manahy. Il est—pour ses affaires. *Tsy miahy* ny raharahany izy.

INSOUCIEUX, EUSE, *adj.* Tsy miahy, tsy manahy. Il est—du lendemain. *Tsy miahy,* etc., ny ho ampitso izy.

INSOUMIS, ISE, *adj.* Tsy manaiky. Peuple—. Vahoaka *tsy manaiky.*

INSOUTENABLE, *adj.* 1° Tsy azo hamarinina, tsy azo porofoina. Opinion—. Hevitra *tsy azo hamarinina,* etc. 2°—, Tsy azo leferina. Vanité—. Fireharehana *tsy azo leferina.*

INSPECTER, *va.* Mitsapa, mikarakara, mikajakaja, misafo.

INSPECTEUR, TRICE, *s.* Mpitsapa, mpikarakara, mpisafo. — des écoles. *Mpitsapa,* etc., ny sekoly.

INSPECTION, *sf.* 1° Fandinihana, fitsapana, fikarakarana, fikajakajana, fisafoana. Faire l'— des armes. *Mandinika, mitsapa, mikarakara, mikajakaja* ny fiadiana. Faire l'— des troupes. *Mitsapa, mikarakara, mikajakaja, misafo* ny miaramila. 2°—, Raharahan' ny mpitsapa,— ny mpikarakara, — ny mpisafo.

INSPIRATEUR, TRICE, *adj.* Manindry.

INSPIRATION, *sf.* 1° Fakana aina, fiainana. 2° *fig.* Tsindrimandry, hevitra omena, torohevitra, tolo-tsaina, hevitra. C'est une—de Dieu. *Tsindrimandry, torohevitra, tolo-tsaina* avy amin'Andriamanitra, *hevitra omen'* Andriamanitra izany. C'est par votre — que j'ai agi ainsi. *Hevitra nomenao* ahy, *torohevitrao, tolo-tsainao* no nanaovako izany. Il a d'heureuses inspirations. Mahazo *hevitra* tsara izy. 3°—, Firehidrehitra, hafanam-po. Cette poésie est pleine d'—. *Mirehidrehitra,* misy *hafanam-po* izaitsizy izany tonon-kira izany.

INSPIRÉ, ÉE, *p. adj.* et *s.* 1° Notsindriana, tsindriana, nomena hevitra, notoroan-kevitra, notoloran-tsaina, nahazo hevitra, notaritina. taritina, notaomina, taomina. Je fus bien— d'agir ainsi. *Nahazo hevitra* tsara aho nanao izany. 2°—, Mirehidrehitra, mafana fo, misy hafanam-po.. Ce poëte fut — par les évènements dont il fut témoin. *Mirehidrehitra, mafana fo, misy hafanam-po* io mpanao tonon-kira io noho ny zavatra hitany.

INSPIRER, *va.* 1° Maka aina, miaina. 2° *fig.* Manindry, manome hevitra, manoro hevitra, manolo-tsaina, mitarika, mitaona, mampa..., mampi..., mampan.. maha.... Le Saint-Esprit a inspiré les Apôtres. *Notsindrian'* ny Fanahi-Masina ny Apostoly. Le démon lui a inspiré ce dessein. Ny demony no *nanome, nanoro* azy izany *hevitra* izany, *toro-hevitra, tolo-tsaina* avy amy ny demony izany fikasany izany. L'ambition lui a inspiré cette mauvaise action. Ny fitsiriritam-boninahitra no *nitarika, nitaona* azy hanao izany zava-dratsy izany. — des soupçons. *Mampi*ahiahy. — de la crainte. *Mampa*tahotra, *maha*tahotra. Il inspire du respect. *Maha*te-hanaja, *maha*mena-maso izy. 3° —, Mampirehidrehitra, mahafana fo.

INSTABILITÉ, *sf.* Fiovaovana, fivadibadihana.

INSTABLE, *adj.* Miovaova, mivadibadika.

INSTALLATION, *sf.* 1° Fametrahana. 2° —, Trano itoerana. J'ai une — convenable. Tsara ny *trano itoerako.*

INSTALLER, *va.* Mametraka. On l'a installé dans cette charge il y a six mois. Enim-bolana izay no *nametrahana* azy tamin' izany raharaha izany. Il a installé son ami à la campagne. *Napetrany* tany an-tsaha ny sakaizany.

S'installer, *vpr.* Mipetraka. Il s'est installé dans le fauteuil. *Nipetraka* tamy ny sezabe izy.

INSTAMMENT, *adv.* Mafy, amim-paharetana. Demander—. *Maharitra* mangataka, miambezo, mitampesona, mitofendro. Prier Dieu —. *Maharitra* mivavaka amin' Andriamanitra.

INSTANCE, *sf.* 1° Fangatahana mafy, fiambezoana, fitampesoana. J'ai demandé avec — cet emploi. *Nangataka mafy* izany raharaha izany aho. Ce pauvre demande avec —. *Miambezo, mitampesona* io mahantra io. 2° —, Ady, fitoriana, fitsarana. Il y a — entre tel et tel. *Miady, mifampitory* ranona sy ranona. Tribunal de première —. *Fitsarana* ambany. Il a perdu son procès en première —. Resy tamy ny *fitsarana* ambany izy.

INSTANT, *sm.* Tapak' andro kely. Il ne faut qu'un—pour faire cela. *Tapak' andro kely* foana dia ampy hanaovana

izany. ‖ *loc.* En un—. Vetivety foana, poatoizay, tsy ampy toy inona. Il fit cola en un—. *Vetivety foana.* etc., no nanaovany izany. Un—. Andraso kely, aoka aloha. Voy. Moment.

À chaque instant, à tout instant, *loc. adv.* Mandrakariva.

À l'instant, *loc. adv.* Miaraka amin' izay, vetivety foana. Il partit à l'— Lasa *niaraka tamin' izay* izy. Je reviens à l'—. Hody *vetivety foana* aho.

INSTANT, ANTE, *adj.* Mafy. Prière instante. Fangatahana *mafy.*

INSTANTANÉ, ÉE, *adj.* Tampoka, vetivety foana. Frayeur instantanée. Tahotra *tampoka*, etc.

INSTANTANÉMENT, *adv.* Tampoka.

INSTAR (À L'), *loc. prép.* Tahaka, toraka.

INSTIGATEUR, TRICE, *s.* Mpamporisika, mpamoky, mpitarika, mpitaona.

INSTIGATION, *sf.* Famporisihana, famokisana, fitarihana, fitaomona. Il a fait cela à l'—de son ami. Nanao izany izy satria *namporisihina, novokisana, notarihina, notaomin'* ny sakaizany.

INSTILLATION, *sf.* Fanatetevana.

INSTILLER, *va.* Manatete.

INSTINCT, *sm.* 1° Fombam-biby mitarika azy, tsy fieritreretana, tsy fisainana. Chaque animal a son — particulier. Ny biby rehetra samy manana ny *fombany mitarika* azy. Les bêtes se conduisent par—. Manao *tsy* amim-*pieritreretana, tsy* amim-*pisainana* ny biby. 2°—, Hevitra tonga ho azy, fahaizana avy amy ny toetrany, fitiavana. Il a fait cela plutôt par—que par raison. Tsy nieritreritra izy fa *hevitra tonga ho azy* no nanaovany izany. Il a l'—de la musique. *Toetrany* no ahaizany ny momba ny hira. Il a l'— du mal. *Tia* ratsy izy.

INSTINCTIF, IVE, *adj.* Tsy amim-pieritreretana, tsy amim-pisainana.

INSTINCTIVEMENT, *adv.* Tsy amim-pieritreretana, tsy amim-pisainana.

INSTITUER, *va.* Mamorona, manendry. Jésus-Christ institua l'Eucharistie. Jeso-Kristy *namorona* ny Eokaristia. — un ordre. *Mamorona* fikambanan-drelijiozy. —un juge. *Manendry* mpitsara.

INSTITUT, *sm.* 1° Didin'ny fikambanan-drelijiozy anankiray. 2° —, Fikambanan-drelijiozy. 3° —, Fikambanan'olomahay.

INSTITUTEUR, TRICE, *s.* 1° Mpamorona. 2° —, Mpampianatra. C'est un bon —. Mahay *mampianatra* izy.

INSTITUTION, *sf.* 1° Famoronana. 2° —, Zavatra noforonina. 3°—, Trano fampianarana, trano sekoly. Il dirige une —. Miadidy *trano fampianarana,* etc., izy.

INSTRUCTEUR, *sm.* Mpampianatra miaramila.

—, *adj.* 1° Mpampianatra miaramila. Capitaine —. Kapiteny *mpampianatra miaramila.* 2°—, Mpamotopototra ny amy ny heloka. Juge —. Mpitsara *mpamotopototra ny amy ny heloka.*

INSTRUCTIF, IVE, *adj.* Mampahay. Livre —. Boky *mampahay.*

INSTRUCTION, *sf.* 1° Fampianarana, fianarana, fahaizana. Il a de l'—. Nahita *fianarana, mahay* izy. 2°—, Anatra, hevitra, teny, didy. Il puise dans la Bible d'utiles instructions. Maka *anatra, hevitra* mahasoa ao amy ny Soratra Masina izy. Donnez-lui vos instructions sur cette affaire. Lazao azy ny *hevitrao,* ny *teninao,* ny *didinao* ny amin' izany raharaha izany. Il attend de nouvelles instructions. Miandry *teny, didy* hafa izy. 3° —, Famotopotorana. Il travaille à l'— du procès. *Mamotopototra* ny ady izy. Juge d'—. Mpitsara *mpamotopototra* ny amy ny heloka.

INSTRUIRE, *va.* 1° Mampianatra. — la jeunesse. *Mampianatra* ny tanora. 2—, Milaza, mampandre. Je vous instruirai de mon départ. *Holazaiko, hampandrenesiko* anao ny malako. 3° —, Mamotopototra.

S'instruire, *vpr.* 1° Mianatra. 2° —, Mahita, mahare. Il veut s'en — par lui-même. Ta-*hahita* maso, ta-*hahare* sofina izany izy. 3° —, Mifampianatra, mifampilaza, mifampandre.

INSTRUIT, ITE, *p.* et *adj.* 1° Nampianarina, nianatra, nahita fianarana, mahay. C'est un professeur fort —. Mpampianatra *mahay* dia mahay izy. 2° —, Nilazana, nampandrenesina. 3° —, Voafotopototra, nofotopotorana.

INSTRUMENT, *sm.* 1° Fiasana, fanaovana, zavatra. Ce faux-monnayeur fut pris avec tous ses ins ruments. Voasambotra mbamy ny *fiasany, fanaovany* rehetra io mpanao vola ratsy io. Il le frappa avec un — tranchant. Nasiany tamy ny *zava*-maranitra izy. 2° —, Zava-

maneno. Voilà un bon—. Tsara io *zava-maneno* io. 3° *fig*. Fanatanterahana, fanaovana, fahazoana. Nous sommes les instruments de la Providence. Isika no entin' Andriamanitra *hanatanterahany, hanaovany* izay tiany. Ses amis ont été l'— de sa fortune. Ny sakaizany no *nahazoany* harena.

INSTRUMENTAL, ALE, *adj*. 1° Misy zava-maneno. Concert vocal et—. Konserta *misy* hira sy *zava-maneno*. 2°—, Anatanterahana, anaovana. La cause instrumentale. Ny zavatra *anatanterahana*, etc.

INSU (À L'), *loc. prép*. Takona. Il a fait cela à mon—. Nanao izany *takona* ahy izy.

INSUBMERSIBLE, *adj*. Tsy mety rendrika. Bateau—. Sambo *tsy mety rendrika*.

INSUBORDINATION, *sf*. Tsy fanekena.

INSUBORDONNÉ, ÉE, *adj*. Tsy manaiky. Soldat—. Miaramila *tsy manaiky*.

INSUCCÈS, *sm*. Tsy fanambinana, tsy fahombiasana, tsy fahavanonana. Cet— ne doit pas le décourager. Tsy tokony hahakivy azy izany *tsy fanambinana*, etc., izany

INSUFFISAMMENT, *adv*. Amin-tsy fahampiana.

INSUFFISANCE, *sf*. Tsy fahampiana, tsy fahombiasana, tsy fahaizana. L'— de ce général est évidente. Miharihary ny *tsy fahombiasana*, ny *tsy fahaizan*'io jeneraly io.

INSUFFISANT, ANTE, *adj*. Tsy ampy, tsy mahomby, tsy mahay. Les troupes sont insuffisantes. *Tsy ampy* ny miaramila.

INSUFFLATION, *sf*. Fampidiran-drivotra.

INSUFFLER, *va*. Mampidi-drivotra. —de l'air dans les poumons. *Mampidi-drivotra* ao anaty avokavoka.

INSULAIRE, *adj*. et *s*. Mponina amy ny nosy.

INSULTANT, ANTE, *adj*. Manevateva, maniratsira, maneso, maharary, mahatezitra, mihoatroatra. Paroles insultantes. Teny *manevateva*, etc. Rires insultants. Hehy *maneso*. Comme INJURIEUX.

INSULTE, *sf*. Fanalikalikana, fanevatevana, faniratsirana, fanesoana, vava ratsy, teny maharary, — mahatezitra. Voy. INJURE.

INSULTÉ, ÉE, *adj*. et *s*. Nalikalikaina, voatevateva, notevatevaina, voatsiratsira, notsiratsiraina, voaeso, nesoina, nanaovana vava ratsy, voaisy teny maharary, — mahatezitra.

INSULTER, *va*. Manalikalika, manevateva, maniratsira, maneso, manao vava ratsy, manisy teny maharary, — mahatezitra.

—, *vn*. Maneso. — aux malheureux. *Maneso* ny mahantra, mihomehy loza.

S'insulter, *vpr*. Mifanalikalika, mifanevateva, mifaniratsira, mifaneso, mifanao vava ratsy, mifanisy teny maharary, — mahatezitra.

INSULTEUR, *sm*. Mpanalikalika, etc.

INSUPPORTABLE, *adj*. Tsy zaka, tsy toha, tsy tanty, tsy laitra, tsy telina, tsy azo leferina. Douleurs insupportables. Fangirifiriana *tsy zaka*, etc.

INSURGÉ, ÉE, *s*. Mpikomy, mpiodina.

INSURGER, *va*. Mampikomy, mampiodina. —une nation. *Mampikomy*, etc., firenena.

S'insurger, *vpr*. Mikomy, miodina.

INSURMONTABLE, *adj*. Tsy azo resena. Obstacle —. Sampona *tsy azo resena*.

INSURRECTION, *sf*. Fikomiana, fiodinana.

INSURRECTIONNEL, ELLE, *adj*. Misy fikomiana, misy fiodinana.

INTACT, ACTE, *adj*. 1° Tsy nahafahana, tsy vaky lay. Le dépôt est—. *Tsy nahafahana*, etc., ny zavatra napetraka. 2°—, Tsy simba. Meuble—. Fanaka *tsy simba*. 3° *fig*. Tsy manan-tsiny, tsy azo tsinina, tsy misy tsiny. Homme —. Lehilahy *tsy manan-tsiny*, etc. Vertu intacte. Hatsaram-panahy *tsy azo tsinina*. Sa réputation est intacte. *Tsy misy tsiny* ny lazany.

INTANGIBLE, *adj*. Tsy azo tsapaina, tsy azo kasihina.

INTARISSABLE, *adj*. 1° Tsy mety ritra. Source—. Loharano *tsy mety ritra*. 2° *fig*. Tsy mety lany. Érudition—. Fahaizana *tsy mety lany*. Le babil de cette femme est—. *Tsy mety lany* taria io vehivavy io.

INTÉGRAL, ALE, *adj*. Rehetra, manontolo, dabolo, avokoa.

INTÉGRALEMENT, *adv*. Rehetra, manontolo, dabolo, avokoa. La somme a

été payée—. Efa naloa avokoa ny vola *rehetra, manontolo*, efa naloa *daholo, arokoa* ny vola. La chambre des députés fut renouvelée—. Nosoloana *daholo, arokoa* ny solombavam-bahoaka.

INTÉGRANT, ANTE, *adj* Anisany. Les jambes sont des parties intégrantes du corps. *Anisan'ny* ny vatana ny ranjo.

INTÈGRE, *adj.* Marina, madio. Juge—. Mpitsara *marina*.

INTÉGRITÉ, *sf* 1° Manontolo. Il ne veut pas restituer la somme dans toute son—. Tsy mety manonitra ny vola *manontolo* izy. 2° *fig.* Fahamarinana, fahadiovana. On connait l'—de ses mœurs. Fantatra ny *fahadiovan'* ny fitondrantenany.

INTELLECT, *sm.* Saina.

INTELLECTUEL, ELLE, *adj.* Momba ny saina, tratry ny saina, misy saina. Faculté intellectuelle. *Saina*. Les vérités intellectuelles. Ny zavatra marina *tratry ny saina*. L'âme est une substance intellectuelle. Ny fanahy dia zavatra *misy saina*.

INTELLIGEMMENT, *adv.* Amim-pahaizana, amim-pahendrena.

INTELLIGENCE, *sf.* 1° Saina. Cet enfant a l'—vive. Haingan-*tsaina* io zaza kely io. 2°—. Fahaizana, fahendrena. Il a l'—des Écritures. *Mahay* ny hevitry ny Soratra Masina izy. Il a fait preuve d'—dans cette affaire. Nampiseho *fahendrena* tamin'izany raharaha izany izy. 3°—. Fifanarahana, firaisan-tetika. Ils vivent en bonne—. *Mifanaraka* tsara izy ireo. Il est d'— avec les ennemis. *Miray tetika* amy ny fahavalo izy. 4°—, Fanahy. Dieu est la suprême—. Andriamanitra no *fanahy* ambony indrindra.

INTELLIGENT, ENTE, *adj.* 1° Manan-tsaina, be saina, haingan-tsaina. 2°—, Mahay, hendry.

INTELLIGIBLE, *adj.* 1° Mazava. 2°—, Azo fantarina. Ce passage est fort—. *Azo fantarina* tsara ireo teny ireo.

INTELLIGIBLEMENT, *adv.* 1° Mazava. Lire—. Mamaky *mazava*. 2°—, Azo fantarina.

INTEMPÉRANCE, *sf.* Tsy fahalalana fetra amy ny hanina sy ny fisotro, tsy fahalalana onony.

INTEMPÉRANT, ANTE, *adj.* Tsy mahalala fetra amy ny hanina sy ny fisotro, tsy mahalala onony.

INTEMPÉRIE, *sf.* Fivadihan' ny andro.

INTEMPESTIF, IVE, *adj.* Tsy amy ny fotoana mety. Sa demande est intempestive. *Tsy amy ny fotoana mety* ny fangatahana ataony.

INTEMPESTIVEMENT, *adv.* Tsy amy ny fotoana mety.

INTENDANCE, *sf.* Fitandremana. Il lui a donné l'—de sa maison. Nidiny azy ho *mpitandrina* ny tranony izy.

INTENDANT, *sm.* Mpitandrina, tonian'ny. —militaire. *Mpitandrina, tonian'* izay ilain' ny miaramila.

INTENSE, *adj.* Mafy, fatratra. Il fait un froid—. Mamirifiry *mafy, fatratra* ny hatsiaka.

INTENSITÉ, *sf.* Hamafy, hery. L'—de la chaleur. Ny *hamafy, herin'* ny hafanana.

INTENTER, *va.* Mitory. — un procès à quelqu'un. *Mitory* olona amy ny mpitsara.

INTENTION, *sf.* Hevitra, ny kendrena, fikasana, sitra-po. Dieu est juge de nos intentions. Andriamanitra no mpitsara ny *hevitsika*. Quelle est l'—du législateur? Inona no *nokendren'* ny mpanao lalàna? Il a l'—de s'échapper. *Mikasa* handositra izy. Le roi lui a fait savoir son —. Ny mpanjaka nampandre azy ny *sitra-pony*. ‖ *loc.* À l'—de.... Ho.... Faites des prières à son—. Manaova fivavahana *ho* azy.

INTENTIONNÉ, ÉE, *adj.* Manan-kevitra, mikendry, mikasa. Il est mal—. Ratsy ny *heviny*, ny *kendreny*, ny *fikasany*.

INTERCALATION, *sf.* Fanisihana, fanosohana.

INTERCALER, *va.* Manisika, manosoka. Tous les quatre ans on intercale un jour dans le mois de Février. Isan' efa-taona dia *sisihana* andro iray amy ny volana Février. — un mot dans un contrat. *Manisika* teny iray amy ny fanekena. —une ligne dans un acte. *Manisika*, etc., andalan-tsoratra iray amy ny taratasy fanekena.

S'intercaler, *vpr.* Asisika.

INTERCÉDER, *vn.* Mifona ho an' olona, mangataka—. Les Saints intercèdent pour nous auprès de Dieu. Ny Olo-masina *mifona*, etc., ho antsika amin' Andriamanitra.

INTERCEPTER, *va.* 1° Manapaka, mi-

sakana. — les communications. *Manapa*-dálana. Les nuages interceptent les rayons du soleil. Ny rahona *misakana* ny tsiri-masoandro. 2°—, Mihazona. — une lettre. *Mihazona* taratasy ampitondraina.

INTERCEPTION, *sf.* 1° Fanapahana, fisakanana. 2°—, Fihazonana.

INTERCESSEUR, *sm.* Mpifona, mpangataka.

INTERCESSION, *sf.* Fifonana, fangatahana.

INTERDICTION, *sf.* 1° Fandrarana. 2°—, Fanesorana. 3°—, Fisakanana mba tsy hahazaka ny fananany.

INTERDIRE, *va.* 1° Mandrara. On lui a interdit l'entrée de la ville. *Norarana* tsy hiditra ao an-tanána izy. 2°—. Manesotra. On l'a interdit de ses fonctions. *Nesorina* tamy ny raharahany izy. 3°—, Misakana mba tsy hahazaka ny fananany. Il faut—cet aliéné. Tokony *hosakanana mba tsy hahazaka ny fananany* io adala io. 4°—, Mahavery hevitra. La peur l'interdit. *Mahavery hevitra* azy ny tahotra.

S'interdire, *vpr.* Mifady. Il s'interdit tous les plaisirs. *Mifady* ny fifaliana rehetra izy.

INTERDIT, ITE, *adj.* et *s.* 1° Voarara, norarana. 2°—, Voaesotra, nesorina. 3°—, Voasakana, nosakanana. 4°—, Very hevitra.

INTÉRESSANT, ANTE, *adj.* Mahate-ho tia, tiana, mahonéna, mahata-handre, mahate-hamaky, maharenoka, mahavariana. Jeune homme—. Tovolahy *mahate-ho tia.* Il cherche à se rendre —. Te-ho*tiana,* mila sitraka izy. Nouvelle intéressante. Zava-baovao *mahonéna, mahata-handre.* Livre—. Boky *mahonéna, mahate-hamaky, maharenoka, mahavariana.*

INTÉRESSÉ, ÉE, *p. adj.* et *s.* 1° Manana anjara, miombona. Il est— dans cette entreprise. *Manana anjara,* etc., amin' izany raharaha izany izy. 2°—, Mahazo soa. Il est— à faire cela *Mahasoa* azy ny manao izany. 3°—, Mitady izay mahasoa ny tenany, manao mamy fo velona. Il est fort—. *Mitady* loatra *izay mahasoa ny tenany, manao mamy fo velona* loatra izy.

INTÉRESSER, *va.* 1° Mampanana anjara, mampiombona. 2°—, Mahasoa, mampaninona. Cette affaire intéresse tout le monde. *Mahasoa* ny maro izany raharaha izany. Cela ne vous intéresse en rien. Tsy *mahasoa,* tsy *mampaninona* anao velively izany. 3°—, Mahate-ho tia, mahonéna, mahata-handre, mahate-hamaky, maharenoka, mahavariana. Cet élève m'intéresse. *Mahate-ho tia* ahy ity mpianatra ity. Sa triste situation m'intéresse. *Mahonéna* ahy ny fahoriany. Son récit m'intéresse. *Mahata-handre* ny tantara lazainy. Cette histoire m'intéresse. *Tiako hovakina, maharenoka* ahy, *mahavariana* ahy izany tantara izany. || *loc.* — le jeu. Manisy loka hampazoto hilalao.

S'intéresser, *vpr.* 1° Miombona. Il s'est intéressé dans cette entreprise. *Niombona* tamin'izany raharaha izany izy. 2°—, Tia, miray hevitra, miray fo, onéna, renoka, variana. Je m'intéresse à tout ce qui vous regarde. *Miray hevitra, miray fo* aminao amy ny raharahanao rehetra aho.

INTÉRÊT, *sm.* 1° Izay mahasoa. La plupart des hommes ne connaissent pas leurs véritables intérêts. Ny ankamaroan' ny olona tsy mahalala *izay* tena *mahasoa* azy tokoa. 2°—, Anjara. J'ai un — dans cette entreprise. Manana *anjara* amin' izany raharaha izany aho. 3°—, Fitadiavana izay mahasoa ny tena samy irery, fanaovana mamy fo velona. C'est l'—qui le guide. *Mitady izay mahasoa ny tenany samy irery* izy, *manao mamy fo velona* izy 4°—, Zanabola. Prêter à —. *Mampanjana-bola,* mampanána vola. Ne lui prêtez pas votre argent à —. Aza *ampanjanahina, ampananaina* aminy ny volanao. Prendre, emprunter de l'argent à —. *Manjanaka, manána* vola. 5°—, Fitiavana, fiombonana, firaisana, fahonéna, fahafenoka, fahavariana. Il est digne de l'— que vous lui accordez. Mendrika ny *fitiavana* ataonao aminy izy. Je prends —à votre joie. *Miombona, miray* hafaliana aminao aho. Je prends — à votre affliction. *Miombona, miray* alahelo aminao aho, *mahonéna* ahy ny fahorianao. Sa conversation a de l'—. *Maharenoka, mahavariana* ny resaka ataony.

INTÉRIEUR, EURE, *adj.* 1° Ao anaty. Les parties intérieures de la terre. Ny *ao anatin'*ny tany. 2° *fig.* Am-po. Il jouit de la paix intérieure. Miadam-*po* izy.
—, *sm.* 1° Ny aty, ny ao anaty, ampovoany, kibon-tany. L' - de la maison. *Ny*

aty trano. Il s'enfonça dans l'— de la forêt. Niditra *tao anaty* ala izy. Il s'enfonça dans l'— du pays. Nandroso any *ampovoan*-tany, an-*kibon-tany* izy. 2°—, Aty tany, ny ao an-trano. Ministre de l'—. Mpanao raharaha amy ny *aty tany*. Il est heureux dans son —. Sambatra izy *ao an-tranony*. 3° *fig*. Ny ao ám-po, ny ao an-kibo. Dieu seul connait l'—. Andriamanitra irery no mahalala ny *ao am-po*, etc.

INTÉRIEUREMENT, *adv*. 1° Ao anaty. 2° *fig*. Ao am-po.

INTÉRIM, *sm*. Andro sasantsasany isoloana ny mpanao raharaha. Il a le portefeuille de la guerre par —. *Misolo* ny lehiben' *ny mpanao raharaha* amy ny miaramila mandritra ny *andro sasantsasany* izy.

INTÉRIMAIRE, *adj*. et *s*. Misolo amy ny andro sasantsasany.

INTERJECTION, *sf*. Teny milaza fitarainana, fitseram-po, hafaliana, etc., interjeksiona.

INTERJETER, *va*. —appel. Mangataka fitsarana ambony.

INTERLIGNE, *sm*. Elanelan' ny andalan-tsoratra. Écrivez cela dans l'—. Sorato amy ny *elanelan' ny andalan-tsoratra* izany.

INTERLINÉAIRE, *adj*. Voasoratra ao anelanelan' ny andalan-tsoratra.

INTERLOCUTEUR, TRICE, *s*. Mpiresaka, mpifamaly resaka.

INTERLOQUER, *va*. Mahavery hevitra, mahasanganehana. Cette plaisanterie m'a interloqué. *Nahavery hevitra*, etc., ahy izany kivazivazy izany.

S'interloquer, *vpr*. Very hevitra, sanganehana.

INTERMÉDIAIRE, *adj*. Manelanelana. Corps —. Zavatra *manelanelana*.

—, *sm*. 1° Alálana, fanalalanana, fanelanelanana. C'est par l'— de mon ami que j'ai obtenu cela. Tamy ny *alálan*'ny sakaizako no nahazoako izany. Comme ENTREMISE. 2°—, Mpanalálana, mpanelanelana, elanelam-panahy.

INTERMINABLE, *adj*. Tsy mety tapitra, tsy misy farany. Procès —. Ady *tsy mety tapitra*, etc.

INTERMISSION, *sf*. Fijanonana, fampoelana. La fièvre dure sans —. Mahaharitra tsy misy *fijanonana*, tsy *mampoelana* ny tazo.

INTERMITTENCE, *sf*. Fijanonana, fampoelana.

INTERMITTENT, ENTE, *adj*. Mampoelana, miverimberina, mitsitapitapy. Fièvre intermittente. Tazo *mampoelana, miverimberina*. Source intermittente. Loharano *mitsitapitapy*.

INTERNAT, *sm*. Trano fianarana misy mpianatra mandry.

INTERNATIONAL, ALE, *adj*. Ifanaovan' ny fanjakana samihafa. Commerce —. Varotra *ifanaovan' ny fanjakana samihafa*. Droit—. Lalám-pihavanana *ifanaovan' ny fanjakana samihafa*.

INTERNE, *adj*. Anaty. Maladie —. Aretina any *anaty*.

—, *adj*. et *s*. 1° Laklasy mandry. 2°—, Dokotera madinika mitoetra ao amy ny trano fitsaboana.

INTERNER, *va*. 1° Mampiditra. — des marchandises. *Mampiditra* varotra. 2°—, Mampihiboka. — des varioleux. *Mampihiboka* ny mararin' ny nendra.

INTERPELLATEUR, TRICE, *s*. Mpanadina, mpanontany.

INTERPELLATION, *sf*. Fanadinana, fanontaniana.

INTERPELLER, *va*. Manadina, manontany.

INTERPOLATEUR, *sm*. Mpanoso-teny.

INTERPOLATION, *sf*. Fanosohan-teny, teny asosoka.

INTERPOLER, *va*. Manoso-teny.

INTERPOSER, *va*. 1° Manisy zavatra anelanelana. 2° *fig*. Mitondra manelanelana. Il interposa son autorité pour séparer les combattants. Ny fahefany no *nentiny nanelanelana* ny mpiady mba hampisaraka azy.

S'interposer, *vpr*. 1° Manelanelana. Il y a éclipse de soleil, quand la lune s'interpose entre le soleil et la terre. Misy fanakonana ny masoandro raha *manelanelana* ny masoandro sy ny tany ny volana. 2° *fig*. Manelanelana, manalálana. On s'interpose pour les réconcilier. Misy *manelanelana*, etc., mba hampifanaraka azy ireo. Comme S'ENTREMETTRE.

INTERPOSITION, *sf*. Fanelanelanana.

INTERPRÉTATEUR, *sm*. Mpivaofy.

INTERPRÉTATIF, IVE, *adj*. Mivaofy.

INTERPRÉTATION, *sf.* 1° Fivoasana, filazana ny hevitra, hevi-teny. Trouvez une autre—. Tadiavo *hevi-teny* hafa. 2°—. Fiheverana, fandraisana.

INTERPRÈTE, *s.* 1° Mpandika, mpandika teny. Il a trouvé un bon—. Nahita *mpandika teny* mahay izy. 2°—, Mpivaofy, mpilaza ny hevitra. L'Église est l'—de l'Écriture sainte. Ny Eglizy no *mpivaofy*, etc., ny Soratra Masina. 3°—, Mpitondra teny. Soyez mon—auprès de lui. *Ento* any aminy ny *teniko*.

INTERPRÉTER, *va.* 1° Mandika. Il a bien interprété ce discours. *Voadikany* tsara izany laha-teny izany. 2°—, Mivaofy, milaza ny hevitra. —une loi. *Mivaofy*, etc., ny lalàna anankiray. —un songe. *Milaza ny hevitry* ny nofy anankiray. 3°—, Mihevitra, mandray. Il interprète mal vos actions. Ratsy no *fiheverany* ny nataonao. Il a interprété favorablement vos paroles. *Nandray* tsara ny teninao izy. Il a interprété malicieusement mes paroles. Ratsy no *nandraisany* ny teniko.

S'interpréter, *vpr.* 1° Voasana, lazainkevitra. 2°—. Heverina, rais'na.

INTERRÈGNE, *sm.* Elanelan' andro tsy misy mpanjaka na mpanapaka amy ny fanjakana.

INTERROGATEUR, TRICE, *s.* Mpanontany, mpanadina.

INTERROGATIF, IVE, *adj.* Milaza fanontaniana.

INTERROGATION, *sf.* Fanontaniana, ontany.

INTERROGATOIRE, *sm.* Fakana ambavany, valin-teny ataon' ny alaina ambavany. L'— a duré deux heures. Naharitra adim-pamantaranandro roa ny *fakana am-bavany* Il s'est coupé dans son —. Nifanohitra ny *valin-teny nataony tamy ny fakana am-bavany* azy.

INTERROGER, *va.* 1° Manontany, manadina, maka am-bavany. Pourquoi m'interrogez-vous? Ahoana no *anontaniana*o, *anadinanao* ahy? Il a interrogé l'accusé. *Naka am-bavany* ny voampanga izy. 2°—, Mandinika. Interrogez votre conscience. *Diniho* ny ao am-ponao.

S'interroger, *vpr.* 1° Mandinika ny ao am-pony. 2°—, Mifanontany, mifanadina.

INTERROMPRE, *va.* 1° Manapaka, mampijanona, mampitsahatra, mampiato —le cours d'une rivière. *Manapaka* renirano. On a interrompu la discussion. *Najanona, natsahatra, naato* ny ady hevitra. 2°—, Manapa-teny, mitsatsaingona. N'interrompez pas l'orateur. Aza *manapaka* ny *tenin'* ny mpandaha-teny, aza *mitsatsaingona* raha miteny ny mpandaha-teny.

S'interrompre, *vpr.* Mijanona, mitsahatra, miato. L'orateur s'interrompit tout à coup. *Nijanona*, etc., tampoka ny mpandaha-teny.

INTERRUPTEUR, *sm.* Mpanapaka tenin' olona.

Interrupteur, trice, *adj.* Manapaka tenin'olona. Voix interruptrice. Feo *manapaka tenin' olona.*

INTERRUPTION, *sf.* 1° Fanapahana, fijanonana, fitsaharana, fiatoana. Il travaille sans —. Miasa tsy an-*kijanona*, tsy an-*kitsahatra*, tsy *mialo* izy. 2°—, Fanapahan-teny.

INTERSTICE, *sm.* Elanelana.

INTERTROPICAL, ALE, *adj.* Anelanelan' ny tropika.

INTERVALLE, *sm.* Elanelana, hebakebaka, fanelanelana, fielanelana, fifanelanelana, fampoelana. Il y a quatre pieds d'— entre ces deux colonnes. Efa-dia no *elanelana*, *hebakebaka, manelanelana* ireo andry roa ireo. Il y eut vingt années d'— entre les deux guerres. Nisy roapolo taona no *elanelana, nanelanelana* ny ady roa. La fièvre le prend par intervalles. *Mielanelana, mifanelanelana, mampoelana* ny fihetsiky ny fanaviany. Il a des intervalles lucides. *Mampoelana* ny hadalany.

INTERVENANT, ANTE, *adj.* Manelanelana, manalàlana.

INTERVENIR, *vn.* 1° Mikambana. Il intervint dans cette affaire. *Nikambana* tamin' izany raharaha izany izy. 2°—, Manelanelana, manalàlana. La force armée intervint et fit cesser les troubles. Tonga *nanelanelana* ny miaramila ka nampitsahatra ny tabataba. Le pape intervint dans ce différend. Ny papa no *nanelanelana*, etc., tamin' izany fifandirana izany. Comme S'ENTREMETTRE.

INTERVENTION, *sf.* 1° Fikambanana. 2° —, Fanelanelanana, alàlana, fanalalanana.

INTERVERSION, *sf.* Fampifamadihana.

INTERVERTIR, *va.* Mampifamadika. — l'arrangement des mots d'une phrase. *Mampifamadika* laharan-teny amy ny fehezan-teny anankiray.

INTESTAT, *adj.* et *s.* Tsy nandidy, tsy niteny. Il est mort —. Maty tsy *nandidy*, etc., izy. Hériter ab—. Mandova olona *tsy nandidy*.

INTESTIN, INE, *adj.* 1° Anatin' ny vatana. Chaleur intestine. Hafanana any *anatin' ny vatana*. 2° *fig.* An-trano. Guerre intestine. Ady *an-trano*.

INTESTIN, *sm.* Tsinay. L'— grêle. Ny *tsinay*. Le gros —. Ny *tsinaibe*.

INTESTINAL, ALE, *adj.* Momba ny tsinay Conduit—. *Tsinay*.

INTIMATION, *sf.* Fandidiana.

INTIME, *adj.* 1° Maha-izy, fomba. Examinez ce qu'il y a d'— dans chaque chose. Diniho avy izay *maha-izy* ny zavatra, diniho avy ny *fomban*-javatra. 2° *fig.* Indrindra, tiana indrindra. Leur commerce paraît fort—. Toa mifankazatra *indrindra* izy ireo. C'est mon ami—. Sakaizako *tiako indrindra* io. 3°—, Marina.

—, *s.* Sakaiza tiana indrindra.

INTIMEMENT, *adv.* 1° Indrindra. Ces parties sont—liées entre elles. Mikambana *indrindra* ireo zavatra ireo. 2° *fig* Indrindra. Ils sont—unis. Mifankatia *indrindra* izy ireo. 3°—, Marina. J'en suis—convaincu. Fantatro *marina* izany.

INTIMER, *va.* Mandidy. On lui intima l'ordre de partir. *Nodidiana* hiala izy.

INTIMIDATION, *sf.* Fampitahorana.

INTIMIDER, *va.* Mampatahotra. Son aspect m'intimide. *Mampatahotra* ahy ny fijeriko azy.

S'intimider, *vpr.* Matahotra.

INTIMITÉ, *sf.* Fikambanana, fifankatiavana, firaisam-po.

INTITULÉ, *sm.* Anaram-boky.

INTITULER, *va.* Manisy anarana. Comment intitulerez-vous votre livre? Inona no *halaonao anaran'* ny bokinao ?

S'intituler, *vpr.* Maka anarana.

INTOLÉRABLE, *adj.* Comme Insupportable.

INTOLÉRANCE, *sf.* Tsy fandeferana, fanoherana, fisakanana

INTOLÉRANT, ANTE, *adj.* et *s.* Manohitra, misakana. Voy. Tolérant.

INTONATION, *sf.* 1° Fiventesan-kira, fakam-peo. Voy. Entonner. 2°—, Feo. Il sait varier ses intonations. Mahay manova *feo* izy.

INTRADUISIBLE, *adj.* Tsy azo adika.

INTRAITABLE, *adj.* Tsy azo havanina, —ifanarahana, —iresahana.

INTRANSITIF, IVE, *adj.* Tsy mamindra. Verbe—. Verba *tsy mamindra*.

INTRÉPIDE, *adj.* Tsy matahotra, mahery fo.

INTRÉPIDEMENT, *adv.* Tsy amintahotra, anjolofo. Il s'avança—vers l'ennemi. Nandroso *tsy amin-tahotra*, nanao *anjolofo* hamely ny fahavalo izy.

INTRÉPIDITÉ, *sf.* Herim-po, hasahiana.

INTRIGANT, ANTE, *adj.* et *s.* Mpitetika mangingina, mpiray tetika, mpamorona sain-dratsy.

INTRIGUE, *sf.* Fitetehana mangingina, firaisan-tetika, famoronana sain-dratsy.

INTRIGUER, *va.* Mampiahiahy, mampieritreritra. Ses démarches m'intriguent. *Mampiahiahy*, etc., ahy ny ataony.

—, *vn.* Mitetika mangingina, miray tetika, mamorona sain-dratsy. Ils intriguèrent pour le perdre. *Nitetika mangingina*, etc., mba hamely azy izy ireo. Il intrigue continuellement. *Mamorona sain-dratsy* lalandava izy.

S'intriguer, *vpr.* Misahirana.

INTRINSÈQUE, *adj.* 1° Maha-izy. Quelles sont ses qualités intrinsèques? Inona avy no toetra *maha-izy* azy? 2°—, Araka ny lanja. Quelle est la valeur—de cette piastre ? Hoatrinona no vidin' io farantsa io *araka ny lanjany* ?

INTRINSÈQUEMENT, *adv.* Tena. Cela est bon —. *Tena* tsara izany.

INTRODUCTEUR, TRICE, *s.* Mpampandroso.

INTRODUCTION, *sf.* 1° Fampandrosoana, fampidirana, fanisihana, fanatsofohana. 2° —, Teny mialoha, sasin-teny.

INTRODUIRE, *va.* Mampandroso, mampiditra, manisika, manatsofoka. — un ambassadeur auprès du roi. *Mampandroso* ambasadaoro hihaona amy ny mpanjaka. Il a introduit les ennemis dans la place. *Nampiditra* ny fahavalo tao an-tanána izy. Il introduit de nouveaux usages. *Mampiditra* fanao vaovao izy. —un bistouri dans la plaie. *Mampiditra, manisika* antsy any anaty fery. —la main dans un trou *Mam-*

piditra, manatsofoka tànana ao anaty lavaka.

S'introduire, *vpr.* Midítra, misisika, mitsofoka. Il s'introduit partout. *Midítra, misisika* hatraiza hatraiza izy.

INTRONISATION, *sf.* Fametrahana eveka amy ny katedraliny.

INTRONISER, *va.* Mametraka eveka amy ny katedraliny. Voy. INSTALLER.

S'introniser, *vpr.* Apetraka amy ny katedraliny, mipetraka —.

INTROUVABLE, *adj.* Sarotra tadiavina. Vous êtes un homme —. Olona *sarotra tadiavina* hianao.

INTRUS, USE, *adj.* et *s.* Tsy voafidy marina, sandoka, misosososo tsy asaina, mijolonjolona —. Evêque —. Eveka *tsy voafidy marina, sandoka.* Chassez cet — de la salle du festin. Roahy hiala amy ny trano fanasana ilay *nisosososo, nijolonjolona tsy nasaina* io.

INTRUSION, *sf.* Fidirana tsy an-drariny amy ny raharaha anankiray, fisososososoana, fijolonjolonana.

INTUITIF, IVE, *adj.* Mazava, miharihary. Les saints ont la vision intuitive de Dieu. Ny olo-masina mahita *mazava, miharihary* an' Andriamanitra.

INTUITION, *sf.* Fahitana mazava.

INTUITIVEMENT, *adv.* Mazava, ankarihary.

INUSITÉ, ÉE, *adj.* Tsy fanao. Ce mot est —. *Tsy fanao* izany teny izany.

INUTILE, *adj.* Tsy mahasoa, tsy vanon-ko inona, foana, tsinontsinona. Un homme — à l'État. Olona *tsy mahasoa* fanjakana. Serviteur —. Mpanompo *tsy mahasoa, tsy vanon-ko inona.* Paroles inutiles. Teny *foana, tsinontsinona.*

INUTILEMENT, *adv.* Foana, tsinontsinona. Il se fatigue —. Manasa-tena *foana* izy.

INUTILITÉ, *sf.* 1° Hafoanana, hatsinontsinona. 2°—, *pl.* Zava-poana. Il dit des inutilités. Milaza *zava-poana* izy.

INVALIDATION, *sf.* Fanafoanana.

INVALIDE, *adj.* 1° Tsy mahavita asa, reraka. 2° *fig.* Foana.

—, *sm.* Miaramila tsy mahavita asa intsony. — reraka.

INVALIDEMENT, *adv.* Foana.

INVALIDER, *va.* Manafoana. — un contrat. *Manafoana* fanekena.

INVALIDITÉ, *sf.* Hafoanana.

INVARIABILITÉ, *sf.* Tsy fiovana.

INVARIABLE, *adj.* Tsy miova. Il est — dans ses principes. *Tsy miova* amy ny foto-keviny izy.

INVARIABLEMENT, *adv.* Tsy amimpiovana.

INVASION, *sf.* 1° Fibosesehana, fanafihana. Les barbares firent une — en Europe. *Nibosesika* tany Eoropa ny baribariana. 2° *fig.* Fielezana, fanenika. De fausses doctrines firent — dans l'État. Nisy fampianarana diso *niely* eran' ny fanjakana, *nanenika* ny fanjakana. Voy. ENVAHIR.

INVECTIVE, *sf.* Famelively, famoapoahana, faniniana.

INVECTIVER, *vn.* Mamelively, mamoapoaka, maniny. — contre quelqu'un. *Mamelively, mamoapoaka* olona. — contre le vice. *Maniny* ny fahazarandratsy.

INVENDABLE, *adj.* Tsy lafo amidy, tsy mety lafo. Marchandise invendable. Entana *tsy lafo amidy,* etc.

INVENDU, UE, *adj.* Tsy lafo.

INVENTAIRE, *sm.* Taratasy filazana ny isan-javatra. Faire l'—d'un magasin. *Manoratra ny isan-javatra* ao amy ny trano fivarotana anankiray. Faire l'— d'une succession. *Manoratra ny isan-javatra* lovàna.

INVENTER, *va.* 1° Mahita, mamorona. C'est lui qui a inventé l'imprimerie. Izy no *nahita, namorona* ny fanaovana printy. Il a inventé une machine. *Namorona* milina anankiray izy. Il a inventé ce conte. Izy no *namorona* ity angano ity. 2° *fig.* Il n'a pas inventé la poudre. Marivo saina, marivo salosina izy.

INVENTEUR, TRICE, *s.* Mpahita, mpamorona.

INVENTIF, IVE. *adj.* Mahaforon-javatra. Homme —. Lehilahy *mahaforon-javatra.*

INVENTION, *sf.* 1° Fahitana, famoronana. L'—du baromètre est due à Pascal. Pascal no *nahita, namorona* ny barometra. Cet homme est plein d'—. Mahay *mamoron*-javatra io lehilahy io. L'—de la sainte croix. Ny *nahitana* ny hazo-fijaliana. 2°—, Zavatra hita, zavatra noforonina. Voilà une belle —. Kanto izany *zavatra* vao *hita,* etc., izany. C'est une — diabolique. *Zavatra noforonin'* ny demony izany.

INVENTORIER, *va* Manoratra ny isan-javatra.

INVERSE, *adj.* Mifamadika, mifotitra. Disposez ces livres dans un ordre —. *Ampifamadiho* laharana ireo boky ireo. Les couteaux sont tournés en sens —. *Mifotitra* avokoa ny antsy.

—, *sm.* Zavatra mifamadika, — mifanohitra. Il a fait l'—de ce que je lui ai commandé. *Nampifamadihiny* ny zavatra nasaiko nataony. C'est l'—de ce qu'il a dit. *Mifanohitra* amin' izay voalazany izany.

INVERSION, *sf.* Fampifamadihan-teny.

INVESTIGATEUR, TRICE, *s.* et *adj.* Mamotopototra, mandinidinika. — des secrets de la nature. *Mpamotopototra, mpandinidinika* ny zavatra miafina eo amin' izao tontolo izao. Regard —. Fijery *mandinidinika*.

INVESTIGATION, *sf.* Famotopotorana, fandinidinihana.

INVESTIR, *va.* 1° Manangana, manome. Il l'investit de toute l'autorité nécessaire pour faire exécuter ces mesures. *Nomeny* azy ny fahefana ilaina rehetra mba hampanatanteraka izany. 2° *fig.* Manarona.— une ville. *Manarona* tanàna.

INVESTISSEMENT, *sm.* Fanaronana.

INVESTITURE, *sf.* Fananganana ho andrian-tompomenakely. — ho eveka.

INVÉTÉRÉ, ÉE, *adj.* Miorim-paka, latsa-paka, ela. Maladie invétérée. Aretina *miorim-paka,* etc. Haine invétérée. Lolom-po *ela*.

INVÉTÉRER (S'), *vpr.* Miorim-paka, latsa-paka, maharitra ela. Il ne faut pas laisser la maladie s'—. Tsy tokony havela *hiorim-paka,* ho *latsa-paka, haharitra ela* ny aretina.

INVINCIBLE, *adj.* 1° Tsy mety resy, tsy azo resena. Armée —. Tafika *tsy mety resy,* etc. 2° *fig.* Tsy azo resena, — folahina, — valiana, tsy nahy, tsy satry. Obstacle —. Sampona *tsy azo resena.* Opiniâtreté —. Ditra *tsy azo folahina.* Argument —. Porofo *tsy azo valiana.* Ignorance —. Tsy fahalalana *tsy nahy, tsy satry.*

INVINCIBLEMENT, *adv.* Mazava, miharihary, tsy nahy, tsy satry. Cela prouve — ce que j'avance. Izany no manamarina *mazava, miharihary* izay voalazako.

INVIOLABILITÉ, *sf.* 1° Ny tsy ahazoana dikaina, — ivadihana, — avadika. 2° —, Ny tsy ahazoana inaikanaikana, — vetavetaina.

INVIOLABLE, *adj.* 1° Tsy azo dikaina, — ivadihana, — avadika. Serment —. Fianianana *tsy azo dikaina,* etc. 2° —, Tsy azo inaikanaikana, — vetavetaina. La personne du roi est —. *Tsy azo inaikanaikana* ny mpanjaka. Asile —. Fitoerana *tsy azo vetavetaina.*

INVIOLABLEMENT, *adv.* Tsy amimpivadihana.

INVISIBILITÉ, *sf.* Ny tsy ahazoana hita.

INVISIBLE, *adj.* 1° Tsy azo hita. Les anges sont invisibles. *Tsy azo hita* ny anjely. 2° *fig.* Tsy hita, tsy azo vangiana. Il est devenu —. *Tsy hita* intsony izy. Le ministre est —. *Tsy azo vangiana* ny ministra.

INVISIBLEMENT, *adv.* Tsy hita.

INVITATION, *sf.* Fanasana.

INVITÉ, ÉE, *adj.* et *s.* Nasaina, asaina.

INVITER, *va.* 1° Manasa. Je vous invite à dîner. *Manasa* anao hisakafo aty amiko aho. 2° *fig.* Mamporisika, mitaona, mitarika, mahate....— son fils à bien faire. *Mamporisika* ny zanany mba hitondra tena tsara. L'honneur vous invite à faire cela. Ny hambom-po no *mamporisika, mitaona, mitarika* anao hanao izany. Le beau temps nous invite à la promenade *Mahate*-hitsangantsangana ny hatsaran' ny andro.

S'inviter, *vpr.* Avy tsy asaina, mifanasa.

INVOCATION, *sf.* Fiantsoana. ‖ *loc.* Être sous l'—de.... Natokana ho... Cette église est sous l'— de la sainte Vierge. *Natokana ho* any ny Virjiny masina izany trano leglizy izany.

INVOLONTAIRE, *adj.* Tsy nahy, tsy iniana, tsy satry, tsy fidiny. Mouvement —. Fihetsehana *tsy nahy, tsy iniana, tsy satry.* Larmes involontaires. Ranomaso *tsy nahy,* etc.

INVOLONTAIREMENT, *adv.* Tsy nahy, tsy iniana, tsy fanahy iniana, tsy satry, tsy fidiny, tsy an-tsitra-po. Il a fait cela —. *Tsy nahy,* etc., no nanaovany izany.

INVOQUER, *va.* 1° Miantso, mangataka. — le Saint-Esprit. *Miantso* ny Fanahi-Masina. — le nom du Seigneur. *Miantso* ny anaran' ny Tompo, — le secours de quelqu'un. *Mangata*-bonjy amin' olona. 2° *fig.* Maka ho vavolombelona. — la

loi. *Maka* ny lalána *ho vavolombelona*.

INVRAISEMBLABLE, *adj.* Toa tsy marina.

INVRAISEMBLANCE, *sf.* Toa tsy marina Voilà ce qui prouve l'— de ce récit. Izany no manaporofo fa *toa tsy marina* izany tantara izany.

INVULNÉRABLE, *adj.* Tsy mety maratra.

IOTA, *sm.* 1° Litera fahasivy amy ny alifabeta grika. 2° *fig.* Zavatra kitsika indrindra. Ne changez pas un —. Aza manova na dia *zavatra kitsika indrindra* aza.

IPÉCACUANA, *sm.* Fanafody fandoavana.

IRASCIBILITÉ, *sf.* Hasarotam-po.

IRASCIBLE, *adj.* Saro-po, malaky tezitra, foizina.

IRONIE, *sf.* Vosotra dia zary tenany, fanesoana, fanarabiana.

IRONIQUE, *adj.* Misy vosotra dia zary tenany, — fanesoana, — fanarabiana. Discours —. Laha-teny *misy vosotra dia zary tenany*, etc.

IRONIQUEMENT, *adv.* Amim-panesoana, amim-panarabiana.

IRRADIATION, *sf.* Fibahafan' ny tsirim-pahazavana.

IRRAISONNABLE, *adj.* Tsy manantsaina.

IRRATIONNEL, ELLE, *adj.* Tsy araka ny marina, tsy azo hamarinina, tsy azo porofoina.

IRRÉALISABLE, *adj.* Tsy azo tanterahina. Dessein—. Fikasana *tsy azo tanterahina*.

IRRÉCONCILIABLE, *adj.* Tsy azo ampifanarahina. Ce sont des ennemis irréconciliables. Mpifandrafy *tsy azo ampifanarahina* izy ireo.

IRRÉCUSABLE, *adj.* Tsy azo lavina. Témoin —. Vavolombelona *tsy azo lavina*.

IRRÉDUCTIBLE, *adj.* Tsy azo tsorina, tsy azo hakelezina.

IRRÉFLÉCHI, IE, *adj.* Tsy voahevitra. Paroles irréfléchies. Teny *tsy voaheritra*. Propos—. Resaka *tsy voahevitra*.

IRRÉFLEXION, *sf.* Tsy fiheverana.

IRRÉFORMABLE, *adj.* Tsy azo ovana. Jugement —. Fitsarana *tsy azo ovana*.

IRRÉFRAGABLE, *adj.* Tsy azo toherina, tsy azo lavina.

IRRÉFUTABLE, *adj.* Tsy azo valiana, tsy azo toherina.

IRRÉFUTÉ, ÉE, *adj.* Tsy novaliana.

IRRÉGULARITÉ, *sf.* Hatailana, fisomaradimbana, tsy fiaminana, tsy fifanarahana, tsy fitoviana, tsy fanarahana ny mety, — ny fanao, — ny lalána, — ny didy.

IRRÉGULIER, IÈRE, *adj.* Tailana, misomaradimbana, tsy milamina, tsy mifanaraka, tsy mitovy, tsy araka ny mety, —ny fanao,—ny lalána,— ny didy. Maison irrégulière. Trano *tailana, misomaradimbana*. Le mouvement de cette machine est—. *Tsy milamina, tsy mifanaraka, tsy mitovy* ny fandehan' io milina io. Il mène une conduite irrégulière. *Tsy araka ny mety* ny fitondran-tenany. Verbe—. Verba *tsy manara-dalána*. Voy. RÉGULIER.

IRRÉGULIÈREMENT, *adv.* Tailana, somaradimbana, tsy amim-pilaminana, tsy amim-pitoviana, tsy araka ny mety, —ny fanao, —ny lalána, —ny didy.

IRRÉLIGIEUSEMENT, *adv.* Tsy amim-pitiavam-pivavahana.

IRRÉLIGIEUX, EUSE, *adj.* Tsy mivavaka, tsy tia fivavahana, manohitra ny fivavahana. Homme —. Olona *tsy mivavaka*, etc. Paroles irréligieuses. Teny *manohitra ny fivavahana*.

IRRÉLIGION, *sf.* Tsy fitiavana fivavahana, fanoherana ny fivavahana.

IRRÉMÉDIABLE, *adj.* Tsy azom-panafody, tsy azo odiana.

IRRÉMISSIBLE, *adj.* Tsy azo avela, tsy azo amindram-po. Faute —. Ota *tsy azo avela*, etc.

IRRÉMISSIBLEMENT, *adv.* Tsy amim-pamindram-po.

IRRÉPARABLE, *adj.* Tsy azo onerana. Sottise —. Hadisoana *tsy azo onerana*.

IRRÉPARABLEMENT, *adv.* Tsy amim-panonerana.

IRRÉPRÉHENSIBLE, *adj.* Tsy azo tsinina.

IRRÉPROCHABLE, *adj.* Tsy azo tsinina.

IRRÉSISTIBLE, *adj.* Tsy azo toherina.

IRRÉSISTIBLEMENT, *adv.* Tsy azo toherina.

IRRÉSOLU, UE, *adj.* Misalasala, miroahana, mihambahamba.

IRRÉSOLUMENT, *adv.* Amim-pisalasalana.

IRRÉSOLUTION, *sf.* Fisalasalana, etc. Comme Indécision.

IRRESPECTUEUX, EUSE, *adj.* Tsy manaja, tsy mizara hena-maso, tsy misy fanajana. Il est — envers son supérieur. *Tsy manaja* ny lehibeny, *tsy mizara hena-maso* amy ny lehibeny izy. Contenance irrespectueuse. Fitoetra *tsy misy fanajana.*

IRRÉVÉRENCE, *sf.* Tsy fanajana.

IRRÉVÉRENT, ENTE, *adj.* Tsy manaja, tsy mizara hena-maso, tsy misy fanajana. Des discours irrévérents. Resaka *tsy misy fanajana.*

IRRÉVOCABILITÉ, *sf.* Ny tsy ahazoana ovana, — tsoahana.

IRRÉVOCABLE, *adj.* Tsy azo ovana, tsy azo tsoahana. Sentence —. Fitsarana *tsy azo ovana.* Serment —. Fianianana *tsy azo ovana*, etc.

IRRÉVOCABLEMENT, *adv.* Tsy azo ovana.

IRRIGABLE, *adj.* Azo itarihan-drano.

IRRIGATION, *sf.* Fitarihan-drano.

IRRIGUER, *va.* Mitari-drano, mampidi-drano.

IRRITABILITÉ, *sf.* 1° Hasarotam-po 2°—. Fahatairana.

IRRITABLE, *adj.* 1° Saro-po, foizina, mora tezitra, malaky tezitra. Comme Irascible. 2°—, Mora taitra. Les nerfs sont irritables. *Mora taitra* ny hozatra.

IRRITANT, ANTE, *adj.* 1° Mahatezitra, mahavinitra. 2°—, Manaitra, mampirehidrehitra, mahamaimay. Remède —. Fanafody *mampirehidrehitra, mahamaimay.*

—, *sm.* Fanafody manaitra, — mampirehidrehitra, — mahamaimay.

IRRITATION, *sf.* 1° Hatezerana, havinirana. 2° —, Hatairana, firehidrehitra, hamaimay.

IRRITÉ, ÉE, *adj.* 1° Tezitra, vinitra. 2° *fig.* Misamboaravoara, mifofofofo mafy. Mer irritée. Ranomasina *misamboaravoara.* Les vents irrités. Ny rivotra *mifofofofo mafy.*

IRRITER, *va.* 1° Mahatezitra, mahavinitra. N'irritez pas cet homme. Aza manao izay *mahatezitra*, etc., io olona io. 2°—, Mampitombo, mampan..., mampi..., mampa.... Cela irrite sa douleur. *Mampitombo* ny alahelony izany. — la soif. *Mampitombo* hetaheta, *mampangetaheta.* Les sauces irritent l'appétit. *Mampazoto* homana ny lasaosy. 3°—, Manaitra, mampirehidrehitra, mahamaimay. Cela m'irrite les nerfs. *Manaitra* ny hozatro izany. La piqûre des orties irrite la peau. Ny lain' ny agy *mampirehidrehitra, mahamaimay* ny hoditra.

S'irriter, *vpr.* 1° Tezitra, vinitra. 2°—, Mitombo. 3°—, Taitra, mirehidrehitra, maimay. 4° *fig.* Misamboaravoara.

IRRUPTION, *sf.* 1° Fibosesehana, fanafihana. Les ennemis firent une — dans la province. Ny fahavalo *nibosesika* tamy ny fari-tany. *nanafika* ny fari-tany. La foule fit — dans la salle. *Nibosesika* tao anaty trano ny vahoaka. 2°—, Fahatondrahana, fanaforana. L'— des eaux fut soudaine. *Tondraka* tampoka ny rano. L'Océan fit — sur les terres. *Nanafotra* ny tany ny ranomasina.

ISLAM ou **ISLAMISME,** *sm.* Fivavahan' ny Silamo.

ISOLÉ, ÉE, *adj.* 1° Miavaka. 2°—, Irery, manirery, miolonolona, mialanalana. C'est un homme —. Olona *irery, manirery* izy. Maison isolée. Trano *manirery.* Il vit —. *Miolonolona, mialanalana* ho azy izy.

ISOLEMENT, *sm.* Fiolonolona, fialanalana.

ISOLÉMENT, *adv.* 1° Tsirairay. Considérons chacun de ces objets —. Aoka hodinihintsika *tsirairay* ireo zavatra ireo. 2°—, Irery, miolonolona, mialanalana.

ISOLER, *va.* 1° Manavaka. Il a isolé sa maison *Nanavaka* ny tranony izy. 2°—, Mampiolonolona, mampialanalana. L'égoïsme isole l'homme. Ny fitiavan-tena loatra *mampiolonolona*, etc., ny olona.

S'isoler, *vpr.* Miolonolona, mialanalana. Vous vous isolez trop. Fatra-*piolonolona*, etc.. loatra hianao.

ISRAÉLITE, *s.* et *adj.* Israelita, jody.

ISSU, UE, *adj.* Taranaka, zanaka. — du sang des rois. *Taranaky* ny mpanjaka. — d'un père malheureux. *Zanaky* ny lehilahy mahantra.

ISSUE, *sf.* 1° Fivoahana. Sa maison a — sur la place Misy *fivoahana* ho ao amy ny kianja ny tranony. Cette eau n'a point d'—. Tsy misy *fivoahana* io rano io. 2° *fig.* Fialana, fiafarana. Se ménager des issues. Manao izay *ialana.* Il attend l'— du combat. Miandry izy *hiafaran'* ny ady izy.

À l'issue de, *loc. prép.* Raha mirava. Je vous verrai à l'—de la messe. Hihaona aminao aho *raha mirava* amy ny lamesa.
ISTHME, *sm.* Andilan-tany.
ITALIE, *sf.* Italia.
ITALIEN, IENNE, *s.* et *adj.* Italiana.
ITALIQUE, *adj.* et *s.* Italika.
ITEM, *adv.* Toy ny teo ambony.
ITÉRATIF, IVE, *adj.* Averina, averimberina. Ordre —. Didy *averina*, etc.
ITÉRATIVEMENT, *adv.* Am-piverenana.
ITINÉRAIRE, *sm.* Lálana. Je vais vous tracer votre —. Hanoro *lálana* anao aho.
IULE, *sm.* Fangarompaty, fangarompory.
IVOIRE, *sm.* Ivoary, nifin'elefanta.
IVRAIE, *sf.* 1° Karazan'ahidratsy. — des rizières malgaches. *Ahidratsy*, adalavatana, tsimparifary, tsikerankerana, tsiriry, ahibita, ahipalana. 2° *fig.* Fampianarana diso, ny ratsy fanahy.
IVRE, *adj.* 1° Mamo, doroka. Il est — mort. *Mamo* maty izy. 2° *fig.* Jamba, revo. — d'orgueil. *Jamban'* ny fiavonavonana. — de joie. *Revon*-kafaliana.
IVRESSE, *sf.* 1° Hamamoana. 2° *fig.* Hajambana, harevoana.
IVROGNE, *adj.* et *s.* Mpimamo, mpidoroka, mpileony.
IVROGNERIE, *sf.* Fimamoana.
IVROGNESSE, *sf.* Vehivavy mpimamo.

J

JABOT, *sm.* 1° Takoribabo. 2°—, Tratran' akanjo.
JACHÈRE, *sf.* Tany kotra avela ho tany vao. Laisser une terre en —. Mamela *tany kotra ho tany vao.*
JACTANCE, *sf.* Rehareha, fireharehana, rehaka.
JACULATOIRE, *adj.* Fohifohy atao amin-kafanam-po. Oraison —. Fivavahana *fohifohy atao amin-kafanam-po.*
JADIS, *adv.* Taloha, fahiny. On pensait — tout autrement. Hafa lavitra ny hevitry ny olona *taloha*, etc.
JAILLIR, *vn.* 1° Miboiboika, mitaboiboika, mifantsitsitra, mitangitrika, miporitika, mipitipitika, mitifitifika, mitselatra, mitselaka, manjelatra. L'eau jaillit de la source. Ny rano *miboiboika, mitaboiboika* avy amy ny loharano. Le sang jaillit de la veine. Ny ra *mifantsitsitra, mitangitrika* avy amy ny hoza-dra. Le cheval fait — de la boue en galopant. Ny soavaly miriotra *mampiporitika, mampipitipitika, mampitifitifika* ny fotaka. Faire — le feu d'un caillou. *Mampitselatra, mampitselaka, mampanjelatra* afo amy ny vatokilonjy. 2° *fig.* La lumière jaillit du choc des opinions. Ny ady hevitra no mahazava ny zavatra, ny fisavasavana ny raviny no ahitana ny fotony.
JAILLISSANT, ANTE, *adj.* Miboiboika, etc.
JAILLISSEMENT, *sm.* Fiboiboika, etc.
JALON, *sm.* 1° Famolaina. 2° *fig.* Ambangovangony. Poser les jalons d'un travail. Manao ny *ambangovangon'* ny raharaha anankiray.
JALONNEMENT, *sm.* Fanatsatohana famolaina.
JALONNER, *va.* Manatsatoka famolaina.
JALOUSER, *va.* Mialona.
Se jalouser, *vpr.* Mifampialona.
JALOUSIE, *sf.* 1° Fialonana. 2°—, Fiahiahiana. 3°—, Varavaran-kely makarakara azo ampakarina sy ampidinina.
JALOUX, OUSE, *adj.* et *s.* 1° Mialona. Cet enfant est — des caresses que l'on fait aux autres. Io zaza kely io *mialona* ny namany tambatambazana. 2° —, Miahiahy, saro-piaro. Cet homme est — de sa femme. *Miahiahy*, etc, ny vadiny io lehilahy io. 3° —, Miahy, mitady, mila. Il est — de son honneur. *Miahy* ny voninahiny izy. Il est — de l'affection de ses maîtres. *Mitady, mila* fitia amy ny tompony izy.
JAMAIS, *adv.* Na oviana na oviana. Je n'en ai — entendu parler. Tsy mbola nahare izany *na oviana na oviana* aho.

À jamais, pour jamais, *loc. adv.* Mandrakizay. Dieu soit béni à —. Aoka hankalazaina *mandrakizay* Andriamanitra. Adieu pour —. Veloma *mandrakizay*.

Au grand jamais, *loc. adv.* Na oviana na oviana. Au grand — je ne ferai cela. Tsy hanao izany *na oviana na oviana* aho.

JAMBE, *sf.* 1° Ranjo, ranjana, tongotra, sirana, dia, fingotra. Il a les jambes courtes. Fohy *ranjo, ranjana* izy. Il a les jambes lestes. Maivan-*tongotra* izy. Qui a de grosses jambes. Be *ranjo, — tongotra, fingorana.* — de bois. *Tongotra* hazo. Les jambes d'un bœuf. Ny *ranjo*, ny *tongotr'* omby. Les jambes de devant d'un bœuf. Ny *tongo*-tánana, *siran*-tánan' omby. Les jambes de derrière d'un cheval. Ny *tongo*-ben-tsoavaly. Bœuf qui a de longues jambes. Omby lava *ranjana, sirana,* avo *dia*. Les jambes d'un héron. Ny *fingo*-bano. 2° *fig.* Il a de bonnes jambes. Mahery mandeha izy. Il n'a plus de jambes. Tsy afamandeha intsony izy. Courir à toutes jambes. Miriotra fatratra. Couper bras et jambes à quelqu'un. Mahavory hevitra olona.

JAMBÉ, ÉE, *adj.* Bien—. Tsara ranjo. Mal—. Ratsy ranjo.

JAMBON, *sm.* Soroka na fen-dambosira.

JAMBONNEAU, *sm.* Soroka na fendambosira madinika.

JAMROSA, *sm.* Zahamborozano.

JANISSAIRE, *sm.* Mpiambina ny mpanjakan' ny Silamo taloha.

JANTE, *sf.* Hazon-kodiarana mitohitohy.

JANVIER, *sm.* Volana voalohany amy ny volana vazaha.

JAPPEMENT, *sm.* Vovó, fivovó.

JAPPER, *vn.* Mivovó.

JAQUETTE, *sf.* Akanjo lava.

JAQUIER, *sm.* Ampalibe.

JARDIN, *sm.* 1° Zarday, tanin' anana. — fruitier. *Zarday* misy hazo mamoa. — des plantes, —botanique. *Zarday* misy zava-maniry isan-karazany. — potager. *Tanin' anana.* 2° *fig.* Jeter des pierres dans le — de quelqu'un. Mamely olona tsy manondro vantana.

JARDINAGE, *sm.* Fambolen-javatra amy ny zarday.

JARDINER, *vn.* Miasa zarday, —tanin' anana.

JARDINET, *sm.* Zarday kely, tanin' anana kely.

JARDINIER, IÈRE, *s.* Mpiasa amy ny zarday, mpamboly anana. —fleuriste. *Mpamboly* voninkazo.

JARGON, *sm.* Beroberoka, baiko. Je n'entends pas leur—. Tsy azoko ny *beroberoka* ataon' izy ireo, ny *baikony*.

JARGONNER, *vn.* Miberoberoka, mibaiko.

JARRE, *sf.* Sinibe.

JARRET, *sm.* Leferana. Il a le — souple. Malefaka ny *leferany*. ‖ *loc.* Plier le—. Mampivonkin-tongotra. Raidir le —. Maninji-tongotra. Couper le — à un bœuf. Mitraingo omby.

JARRETER (SE), *vpr.* Mamehy ba.

JARRETIÈRE, *sf.* Fehim-ba.

JARS, *sm.* Gisalahy.

JASER, *vn.* 1° Mitafasiry, mitafa, mitaria, mikorána. Il ne fait que —. *Mitafasiry*, etc., ela izy. 2°—, Tsy mahatam-bava.

JASERIE, *sf.* Tafasiry, tafa, taria, korána.

JASEUR, EUSE, *s.* Mpitafasiry, mpitafa, mpitaria, mpikorána.

JASPE, *sm.* Karazam-batosoa misoratsoratra.

JASPER, *va.* Manisy soratsoratra. — la tranche d'un livre. *Manisy soratsoratra* ny vava boky.

JATTE, *sf.* Karazan-dovia.

JATTÉE, *sf.* Eran' ny lovia.

JAUGE, *sf.* 1° Fatra. Ce tonneau n'a pas la —. Tsy ampy *fatra* ny eran' io barika io. 2°—, Fitsipika fitsapana.

JAUGEAGE, *sm.* Fitsapam-patra.

JAUGER, *va.* 1° Mitsapa fatra. Il a jaugé ces tonneaux. *Nitsapa fatra* ireo barika ireo izy. 2°—. Mitsapa ny halehibe. — un navire. *Mitsapa ny halehiben'* ny sambo.

JAUGEUR, *sm.* Mpitsapa fatra.

JAUNÂTRE, *adj.* Somary vony, vonivony.

JAUNE, *adj.* Vony, tomamotamo, mitomamotamo, haboka. Fleur—. Voninkazo *vony, tomamotamo, mitomamotamo.* Soie—. Lasoa *vony, haboka.*

—, *sm.* 1° Ny vony. 2°—, Loko vony. ‖ *loc.* — d'œuf. Tamenak' atody.

JAUNIR, *va.* Manisy loko vony, mampanopy mena, mampitomamotamo, manao haboka. — une étoffe. *Manisy loko vony* lamba. — de la soie. Manao lasoa *haboka.*

—, *vn.* Mihavony. manopy mena. soama-

ravo, mitomamotamo. Les blés jaunissent. *Manopy mena* ny varimbazaha. Ces fruits jaunissent. *Soamararo* ireo voan-kazo ireo. Son teint jaunit. *Mitomamotamo* ny tarehiny.

JAUNISSANT, ANTE, *adj.* Manopy mena, soa naravo, mitomamotamo.

JAUNISSE, *sf.* Ngorongosy.

JAVELER, *va.* Manao andalam-bary.

JAVELINE, *sf.* Lefona atoraka.

JAVELLE, *sf.* 1° Andalam-bary. 2°—, Fehezan-drantsam-boaloboka maina.

JAVELOT, *sm.* Longy.

JE, *pron. pers.* Izaho, aho, ko, o. J'écrirai demain. *Izaho* hanoratra rahampitso, hanoratra *aho* rahampitso Que répondrai-je ? Inona no havali*ko* ?

JÉHOVAH, *sm.* Jehovah, Andriamanitra.

JÉRÉMIADE, *sf.* 1° Fitomaniany Jeremia. 2° *fig.* Fitarainan-dava.

JÉSUITE, *sm* Josoita.

JET, *sm* 1° Fitorahana, fanipazana, fandefasana, fanidinana, fifantsitsitra, fanaroka. Il s'éloigna à la distance d'un — de pierre. Nihataka tokony ho tra*toraka* izy Arme de —. Fiadiana *itorahana, anipazana, andefasan*-javatra. Cette statue a été fondue d'un seul —. Natao indray *nanidina* io sariolona io Il y a un — d'eau dans mon jardin. Misy rano *mifantsitsitra* ao amy ny zardaiko. Cet arbre a donné de beaux jets cette année. Lava *taroka* io hazo io tamin'ity taona ity. ‖ *loc.* Cette canne est d'un seul —. Tsy misy toniny ity tehina ity. 2° *fig.* Le premier — d'un ouvrage. Ny ambangovangom-boky. Il a fait cette chanson du premier —. Indray nanao no nanaovany izany tonon-kira izany.

JETÉE, *sf.* Fefiloha vato amy ny seranana.

JETER, *va.* 1° Mitoraka, manipy, mandefa, mandatsaka, mandrotsaka, manidina, mamafy. — des pierres. *Mitora*-bato. — un palet. *Manipy* antsipilavaka. Le serpent jette son venin. Ny bibilava *manipy, mandefa* ny poiziny. — un filet dans l'eau. *Manipy, mandatsaka, mandrotsaka* harato. — de l'huile dans le feu. *Mandrotsaka, manidina* solika ao anaty afo. — de l'eau bénite. *Mamafy* rano voahasina. — l'ancre. *Mandatsaka* vatofantsika. Cet arbre a jeté de profondes racines. *Nandatsa*-paka lalina io hazo io. 2° *fig.* Manisy, manao, mitafy haingana, mandatsaka, manopy, man..., mi..., mampa..., mampi..., maha... —des fleurs sur une tombe. *Manisy* voninkazo amy ny fasana. —un pont sur une rivière. *Manisy, manao* tetezana amy ny renirano. — un manteau sur ses épaules *Mitafy* kapaoty *haingana.* —quelqu'un en prison *Manao, mandatsaka* olona an-trano maizina. — les fondements d'un édifice. *Manao* ny fanorenan-trano anan-tiray. — ses idées sur le papier. *Mandatsaka* an-tsoratra ny heviny. — les yeux sur quelque chose *Manopy* maso amin-javatra.—dans l'embarras. *Mana*hirana. — un cri. *Miki*aka. — quelqu'un dans un danger. *Mampa*hita loza olona. — dans l'inquiétude. *Mampia*hiahy. —dans l'erreur. *Maha*diso hevitra. ‖ *loc.* —quelqu'un par terre. Mandavo olona. — une maison par terre. Mandrava trano. — un navire à la côte. Mamefika sambo. — de l'huile sur le feu. Mamoky olona ho tezitra mafimafy kokoa, mankaloza olona. — son argent par les fenêtres. Mandany foana ny volany. —de la poudre aux yeux. Mandavo sorery, manodóka.—le manche après la cognée. Mamoy fo. — sa langue aux chiens. Milaza tsy mahavinany, afapo.— la pierre à quelqu'un. Miampanga olona.

—, *vn.* Mitsimoka, maniry, manaroka. Les arbres ne jettent pas encore. Tsy mbola *mitsimoka*, etc., ny hazo.

Se jeter, *vpr.* 1° Mianjera, mivarina, miantoraka, miantonta, miantraika, mirotsaka. Il s'est jeté dans l'eau. *Nianjera, nivarina* tany anaty rano izy. Il se jeta à son cou pour l'embrasser. *Niantoraka* namihina azy izy. Le navire se jeta contre les rochers. *Niantoraka, niantonta, niantraika* tamy ny vato ny sambo. Ce fleuve se jette dans la mer. *Mivarina, mirotsaka* amy ny ranomasina izany ony izany. Les enfants se jetèrent sur les oranges. *Nirotsahan'* ny ankizy madinika ny laoranjy. 2° —, Mandositra, miditra. Le voleur se jeta dans un bois. *Nandositra* nankany anaty ala ny mpangalatra. Le général se jeta dans la place. *Niditra* tao an-tanána ny jeneraly.

JETON, *sm* Tokovato, latsa-bato.

JEU, *sm.* 1° Kilalao, tsilalao, lalao, filalaovana, loka, filokana. — d'enfant. *Kilalao, tsilalaon'* ankizy. Il aime le —. Tia *kilalao*, etc., izy. Il a perdu au —. Maty *loka* izy. Tenir le — de quelqu'un. Misolo olona amy ny *kilalao, tsilalao, loka.* Jouer petit —. Manao *loka* kely. Jouer gros —. Manao *loka* be. Maison de —. Trano *filalaovana, filokana.* Il se pique

au —. Mikiribiby amy ny *kilalao*, etc., izy, na dia maty aza. 2°—, Fomba filalaovana, — filokana. C'est le vrai —. Izany no *fomba filalaovana*, etc., mety. 3°—, Vato. Cachez votre—. Afeno ny *vatonao*. Il a beau —. Tsara *vato* izy. J'ai une carte de trop dans mon—. Mihoatra karatra anankiray ny *vato* azoko. Il manque une carte à ce —. Latsaka isa anankiray ireo *vaton*-karatra ireo. 4°—, Tokotany filalaovana, —filokana. Entrer dans un — de paume Miditra amy ny *tokotany filalaovana* baolina. 5°—, Kivazivazy, sangy. zavatra mora foana. Il a dit cela par manière de—. *Kivazivazy, sangy* no nilazany izany. Jeux de main. *Sangy* atao amy ny tánana. Ce n'est qu'un —pour lui. *Zavatra mora foana* ho azy izany. ‖ *loc.* — de mots. Ankamantatra. ankanonona, fampanonona. 6° —, Fitendry, fitsoka. Il a un — brillant. Mahagaga ny *fitendriny*, etc., zava-maneno. 7° —, Fandeha, fizotra, fijojo. La porte manque de —. Tsy *mandeha, mizotra, mijojo* tsara ny varavarana. 8°—, *pl.* Kilalao, tsilalao. L'empereur donna des jeux au peuple. Ny emperora nampanao *kilalao*, etc., hozahan' ny vahoaka. Il est allé voir les jeux. Lasa nizaha *kilalao*, etc., izy. 9° *fig.* Entrer en—. Miditra amy ny raharaha anankiray, manomboka. Il m'a mis en — mal à propos. Nampiditra ahy tsy amy ny antony tamin' izany raharaha izany izy. C'est un homme qui sait bien son —. Mahay tokoa izay tokony hatao ny ralehilahy io. Il a beau —. Ambinina izy. Il joue à — sûr. Fantany fa hahomby amin' izany raharaha izany izy. Il cache son —. Manafina izay kendreny izy. manafina ny ataony izy hanatanterahany izay kendreny. Je connais son —. Fantatro ny asany, ny hafetsony.

JEUDI, *sm.* Alakamisy.

JEUN (À), *loc. adv.* Mbola tsy nihinana. — nanendry hanina. Il est encore à —. *Mbola tsy nihinana*, etc., izy.

JEUNE, *adj.* 1° Tanora, zatovo, kely. Il est plus —que moi. *Tanora* kokoa izy noho izaho. Un — homme. *Tovolahy*, sakandahiny. Une — fille. *Tovovavy*, sakambaviny. Une — femme Vehivavy *tanora*. Un—enfant. Zaza *kely*. Dès son plus— âge. Hatramin' izy fony *kely*. Il n'est plus—. Tsy *tanora, zatovo* intsony izy. Il ne vieillit pas, il est toujours —. Tsy mety antitra izy, fa mbola *tanora* hiany. 2°—, Madinika. Un — arbre. Foto-kazo *madinika*. 3°—, Tanora fanahy. Qu'il est —! Endrey, ny *hatanoram-panahiny !*

JEÛNE, *sm.* Fifadian-kanina.

JEÛNER, *vn.* 1° Mifady hanina. 2°—, Mifehy vava. Les soldats ont souvent jeûné pendant cette campagne. Matetika no *nifehy vava* ny miaramila tamin' izany tafika izany.

JEUNESSE, *sf.* 1° Hatanorana. 2°—, Ny tanora, ny tovolahy, ny tovovavy, ny zaza kely. Enseigner la —. Mampianatra ny *tanora*, ny *zaza kely*. Il ne faut pas donner trop de liberté à la —. Tsy tokony havela hanaram-po loatra ny *tanora*. On arma toute la —. Notoloram-piadiana avokoa ny *tovolahy* rehetra.

JEÛNEUR, EUSE, *s.* Mpifady hanina.

JOAILLERIE, *sf.* Fanaovana na fivarotana firavaka toy ny kavina, vatosoa, etc.

JOAILLIER, IÈRE, *s.* Mpanao na mpivarotra firavaka toy ny kavina, vatosoa, etc.

JOCKEY, *sm.* Mpitarika kalesy, mpitaingin-tsoavaly miloka.

JOIE, *sf.* Hafaliana, fifaliana, haravoana, firavoravoana, hamiranana, firobirobiana. Cette nouvelle remplit la ville de—. *Nahafaly, naharavoravo* ny tanána loatra izany zava-baovao izany. — mêlée de peine. *Fifaliana* miharo alahelo, tantely amam-bahona. — qui paraît sur le visage. *Hamiranana*. La — paraissait sur son visage. *Mirana* endrika izy tamin' izay.— commune. *Firobirobiana*. La famille est dans la—. *Mirobiroby* ny fianakaviana.

JOIGNANT, ANTE, *adj.* Mikasika, mifampikasika, mipaka. Comme CONTIGU.

Joignant, *prép.* Mikasika, etc.

JOINDRE, *va.* 1° Manakambana, mampikambana, mampiady, mamitrana, manambatra, mampitambatra. Joignez ces deux planches. *Akambano, ampiadio, avitrano* ireo hazo fisaka roa ireo. Joignez ces deux étoffes. *Akambano, avitrano* ireo lamba roa ireo. Joignez vos mains. *Akambano* ny tánanao. Joignez les intérêts au capital. *Akambano, atambaro* amy ny renivola ny zanabola. Joignez vos prières aux miennes. *Akambano* amy ny ahy ny fivavahanao. Notre armée joignit celle du général en chef. *Nikambana* tamy ny any ny komandy ny miaramilanay. 2°—, Mihaona, mifanena, mahatratra. Si je puis le—, je lui parlerai comme il faut. Raha tahiny

mihaona, mifanena aminy aho, dia hiteny azy mafy. Je le joignis bientôt en route. *Nahatratra* azy haingana teny an-dálana aho.
—, *vn.* Miady, mipaka. Cette porte ne joint pas bien. Tsy *miady, mipaka* tsara ity varavarana ity.
Se joindre, *vpr.* 1° Mikambana, miady, mipaka, mivitrana, mitambatra. L'endroit où deux choses se joignent. Izay *ikambanana, iadiana, ipahan'* ny zavatra roa. Ces deux fruits se sont joints. *Nikambana, nitambatra* ireo voan-kazo roa ireo. 2°—, Mihaona, mifanena.
JOINT, *sm.* 1° Famavány. — de l'épaule. *Famavánin*-tsoroka. 2°—, Izay ikambanana, — iadiana, adiny. Cette table est si bien faite qu'on n'en voit pas les joints. Tsara ratitra loatra ity latabatra ity, ka tsy hita *izay ikambanany, iadiany,* ny *adiny.* 3° *fig.* Je ne puis trouver le — de cette affaire. Tsy hitako izay hanatanterahana izany raharaha izany
JOINT, OINTE, *p.* et *adj.* 1° Voakambana, nakambana, mikambana, voampiady, nampiadina, miady, mipaka, voavitrana, navitrana, mivitrana, voatambatra, natambatra, mitambatra. Vous trouverez ci-jointe la copie du traité. Ho hitanao *mikambana* amin' ity taratasy ity ny kopian' ny fanekem-pihavanana. ‖ *loc.* Sauter à pieds joints. Manao vikin-tsahona. 2°—, Tafahaona, nihaona, nifanena.
JOINTURE, *sf.* Famavány, tonon-taolana. Il avait des douleurs dans les jointures. Nitsakotsako azy ny *famavániny,* etc.
JOLI, IE, *adj.* 1° Mahafatifaty, tsara tarehy, mahafinaritra, tsara endrika, tsara bika, bikána. Un — enfant. Zaza kely *mahafatatifaty, tsara tarehy, mahafinaritra.* Une jolie personne. Olona *tsara tarehy, tsara endrika, tsara bika, bikána.* Elle n'est pas belle, mais elle est jolie. Tsy tsara tarehy loatra izy, nefa *mahafinaritra.* Sa maison de campagne est jolie. *Mahafinaritra* ny tranony any an-tsaha. 2°—, Tsara loatra. Il a gagné vingt piastres aujourd'hui, c'est fort —. Nahazo roapolo izy androany, *tsara loatra* izany. 3°—, (Teny entina ho fanesoana): Mahafinaritra, mampihomehy. Cet ivrogne est dans un — état. *Mahafinaritra,* etc., lahy ny toetr'io mamo io. Le tour qu'il a joué est —. *Mahafinaritra,* etc., lahy ny fitaka nataony.
JOLIET, ETTE, *adj.* Tsaratsara tarehy hiany.
JOLIMENT, *adv.* 1° Tsara loatra. Cela est — travaillé. Vita *tsara loatra* izany. 2°—, Loatra. Vous vous êtes — trompé. Diso hevitra *loatra* hianao.
JONC, *sm.* 1° Hazon-drano, sabotraka, herana, zozoro, vinda, harefo. 2°—, Tsotsora-bazaha.
JONCHÉE, *sf.* Fandrakofana, fanotofana.
JONCHER, *va.* 1° Mandrakotra, manototra. L'église était jonchée de fleurs. *Rakotra, tototra* voninkazo ny trano leglizy. 2° *fig.* Mandrakotra, manototra. La terre était jonchée de cadavres. *Rakotra, tototry* ny faty ny tany.
JONCTION, *sf.* Fikambanana, fihaonana. Les deux armées opérèrent leur —. *Nikambana* ny tafika roa tonta. Attendez-moi à la — des deux chemins. Andraso ao amy ny *fihaonan*-dálana aho.
JONGLER, *vn.* Manao tanisa. — avec des poignards. *Manao tanisa* lefom-pohy.
JONGLERIE, *sf.* 1° Fanaovana tanisa, hakingan-tánana. 2° *fig.* Fitaka, hafetsena.
JONGLEUR, *sm.* 1° Mpanao tanisa, kinga tánana. 2° *fig.* Mpamitaka.
JONQUE, *sf.* Sambo sinoa.
JOUAILLER, *vn* 1° Manao loka kely. 2°—, Mitendritendry zava-maneno, mitsotsóka—.
JOUE, *sf.* Takolaka. ‖ *loc.* Mettre en —. Mikendry hitifitra.
JOUER, *vn.* 1° Milalao. Les enfants jouent. *Milalao* ny ankizy madinika. 2°—, Manao, miloka. — au domino. *Manao* domy. — aux cartes. *Manao, miloka* karatra. Rien ne peut l'empêcher de —. Tsy misy zavatra mahasakana azy tsy *hiloka.* 3°—, Misangy. — des mains. *Misangy* amy ny tánana. 4°—, Mitendry, mitsoka. — du violon. *Mitendry* lokangam-bazaha. — de la flûte. *Mitsoka* filiotra. 5°—, Mandeha, mizotra, mijojo, mipoaka. Cette serrure ne joue pas. Tsy *mandeha, mizotra, mijojo* tsara io hidin-trano io. Faites — les pétards. *Apoaho* ny tsipoapoaka. 6° *fig.* — de bonheur. Ambinina. — de malheur. Tsy ambinina. — au plus fin. Mifanao an-kafetsena. — des jambes. Mandositra manavotra aina.
—, *va.* 1° Manao, miloka, mipiaka, mandefa. Il joue une partie de domino. *Manao* domy izy. Ils jouent une partie de cartes.

Miloka karatra, *mipiaka* izy ireo. Il joue gros jeu. *Manao* loka be izy. Il jouerait jusqu'à sa chemise. *Hilokany* mbamy ny eny an-kodiny. Je joue carreau. *Mandefa* joro aho. 2°—, Manao. Il joue un air sur le violon. *Manao* hira amy ny lokanga izy. Aujourd'hui on joue une comédie. Teatra mampihomehy no *hatao* anio. Il joue le rôle de général. Jeneraly no anjara *ataony* amy ny teatra. 3° *fig*. Mamitaka, mody, manao vy very. —quelqu'un, —un tour à quelqu'un. *Mamitaka* olona. — la douleur. *Mody* malahelo. —la surprise. *Mody* taitra. —gros jeu. *Manao vy very* amy ny raharaha anankiray. — sa vie. *Manao vy very* ny ainy.

Se jouer, *vpr*. 1° Fanao. Les cartes se jouent ainsi. Tahaka izao ny *fanao* karatra. 2°—, Milalao, misangy. Ce chat se joue de la souris qu'il a prise. *Milalao*, etc., ny totozy azony io saka io. 3°—, Manao moramora foana, tsy manisy raharaha. Il a fait ce travail en se jouant. *Moramora foana* no nanaovany izany lahasa izany. Il se joue de toutes les difficultés. *Tsy asiany raharaha* avokoa ny zava-tsarotra rehetra. 4° *fig*. Milalao, mamitaka. Il se joue de vous. *Milalao*, etc., anao izy. 5°—, Tsy manisy raharaha, manao ho tsinontsinona, manitsakitsaka. Il se joue de ses engagements. *Tsy asiany raharaha, ataony tsinontsinona* ny teny napetrany. Il ne faut pas se—ainsi des lois. Tsy tokony *hatao tsinontsinona, hitsakitsahina* toy izany ny lalána. Il se jouait de la vie des hommes. *Nataony ho tsinontsinona* ny aim-báhoaka. 6°—, Mampivezivezy, mampitotototo, mampiriorio. La fortune se joue des hommes. *Ariorion'* ny vintany ny olombelona.

JOUET, *sm*. 1° Kilalao, tsilalao. —d'enfant. *Kilalao, tsilalaon*-jaza. 2°—, Filalaovana, fisangiana. Un rien sert de — aux petits chats. Zavatra tsinontsinona no *ilalaovana, isangian'* ny saka madinika. 3° *fig*. Filalaovana, famitahana. Je ne veux pas être votre—. Tsy te-*holalaovinao,* tsy te-*hofitahinao* aho. 4°—, Zavatra avezivezy, —atotototo, —ariorio. Être le—des vents. *Avezivezy, atotototon'* ny rivotra. Être le— de la fortune. *Ariorion'* ny vintana.

JOUEUR, EUSE, *s*. 1° Mpilalao. 2°—, Mpanao, mpiloka. —de paume. *Mpanao* baolina. C'est un grand—. *Mpiloka* raindahiny izy. 3°—, Mpitendry, mpitsoka.

JOUFFLU, UE, *adj*. et *s*. Be takolaka.

JOUG, *sm*. 1° Jioga, hazo fampikambanana omby hampiasaina. 2° *fig*. Jioga, fanompoana, fanekena, fanandevozana. Jésus-Christ dit dans l'Évangile que son —est doux. Lazainy Joso-Kristy ao anatin' ny Evanjely fa maivana ny *jiogany*, ny *fanompoana* Azy. Subir le—. *Manompo, manaïky*. Tenir le peuple sous le—. *Mampanompo, manandevo* vahoaka.

JOUIR, *vn*. 1° Mahatapaka, mahazaka manana, mahazo manaram-po, manana, mahazo. Il est majeur, il jouit de son bien. Efa maoty izy, ka *mahatapaka, mahazaka manana* ny hareny, *mahazo manaram-po* amy ny hareny. Il jouit d'une grande réputation. *Manan*-daza lehibe izy. Il jouit de mille piastres de rente. *Mahazo* zana-bola arivo isantaona izy. ‖ *loc*. —de la paix. Miadana, mandry fe-izay. —d'une parfaite santé. Salama tsy marofy. 2°—, Finaritra, miadana. Il jouit du présent sans s'occuper de l'avenir. *Finaritra* amy ny ankehitriny izy, ka tsy mihevitra ny ho avy. Il est riche, mais il ne sait pas —. Manan-karena izy, fa tsy mahay *miadana*.

JOUISSANCE, *sf*. 1° Fahatapahana, fahazakana, fahazoana manaram-po. Il n'a point la propriété de cette rizière, il n'en a que la—sa vie durant. Tsy izy no tompon' io tanimbary io, fa *mahatapaka, mahazaka* azy, *mahazo manaram-po* aminy fotsiny amin' izao andavan' andro izao izy. 2°—, Fahafinaretana, fiadanana.

JOUISSANT, ANTE, *adj*. Mahatapaka, mahazaka manana, mahazo manaram-po.

JOUJOU, *sm*. Kilalaon-jaza.

JOUR, *sm*. 1° Andro, antoandro, fahazavana, mazava. Le—est sombre. Manjombona ny *andro*. Il fait grand—. *Antoandro* be ny andro. Le—vient d'en haut. Avy any ambony ny *fahazavana*. Il faut voir cette étoffe au—. Tokony hojerena eny amy ny *mazava* io lamba io. ‖ *loc*. Demi—, faux—. Maizimaizina. Voir le—. Teraka. Depuis que je vois le—. Hatramy ny *nahaterahako*, —nahavakian' ny voamasoko. Mettre au—. *Miteraka*. Mettre un livre au —. Mamoaka boky. Jeter du—sur.... Manazava. Cela jette du—sur ces questions. Izany dia *manazava* ireo zavatra

dinihina ireo. 2°—, Vaky, loaka, mangirana. Il y a de grands jours dans cette muraille. Misy *vaky*, etc., makadiribe amin' ity rindrina ity. Il y a du — entre les planches. Misy *mangirana* ny elanelan' ny hazo fisaka. Se faire —. *Mamaky*. Il s'est fait — au travers des ennemis. *Namaky* ny fahavalo izy. Je n'y vois point de —. Tsy mahita *mangirana* velively amin'izany aho, tsy hitako izay zorony amin' izany. 3°—, Andro. Il fut deux jours absent. Tsy tao indroa *andro* izy. Il travaille — et nuit. Miasa *andro* aman' alina izy. Un — que je me promenais... Indray *andro* raha nitsangantsangana aho.... Un beau — il prit la fuite. Nandositra izy tamy ny indray *andro*. Il n'oublie pas les jours de son enfance. Tsy hadinony ny *andron*'ny fahazazany. Aux premiers jours du monde. Tamy ny *andro* voalohany niandohan' izao tontolo izao. La vie de l'homme n'est qu'un —. Hoatry ny indray *andro* ny andro iainan' ny olona. 4°—, Ankehitriny. C'est le goût du—. Izany no tian' ny olona *ankehitriny*. 5°—, Andro, andro iainana, aina. Il est à son dernier —. Efa mby amy ny *andro* faran' *iainany* izy. Les chagrins ont abrégé ses jours. Ny alahelo nahafohy ny *androny, andro niainany*. Il a sauvé mes jours. Izy no nanavotra ny *aiko*.

JOURNAL, *sm*. 1° Taratasy milaza ny zavatra miseho isan' andro. Voici le — de mon voyage. Inty ny *taratasy milaza ny zavatra niseho isan' andro* tamy ny dia nalehako. 2°—, Gazety. Tous les journaux en parlent. Milaza izany avokoa ny *gazety* rehetra.

JOURNALIER, IÈRE, *adj*. Atao isan' andro. C'est mon occupation journalière. Izany no asa *ataoko isan'andro*.

—, *sm*. Mpanao isan' andro.

JOURNALISME, *sm*. Fanoratana gazety.

JOURNALISTE, *sm*. Mpanoratra gazety.

JOURNÉE, *sf*. 1° Andro, mandritra ny andro. Je n'oublierai pas cette grande—. Tsy mba hohadinoiko izany *andro* lehibe izany. Il a passé la — tristement. Nanjonitra *nandritra ny andro* izy. 2°—, Asa atao amy ny indray andro. Il travaille à la —. Manao *isan' andro* izy. Il n'y a pas une — entière. Tsy amy *indray andro* ny *niasany* androany. Il a travaillé une demi —. Niasa tapak' *andro* izy. 3°—, Karama amy ny indray andro, lálana indray andro. Il a bien gagné sa —. Nahazo tsara ny *karamany androany* izy. Il y a six journées de Tananarive à Fianarantsoa. *Lálana* heneman' *andro* hatreto Antananarivo ka hatrany Fianarantsoa. 4°—, Andro iadiana, ady. Ce fut une sanglante —. Nisy ra nandriaka tamin'izany *andro niadiana*, etc., izany.

JOURNELLEMENT, *adv*. Isan' andro.

JOUTE, *sf*. 1° Sarin' ady amy ny lefona. 2° *fig*. Ady hevitra.

JOUTER, *vn*. 1° Manao sarin' ady amy ny lefona. 2°*fig*. Miady hevitra.

JOUTEUR, *sm*. 1° Mpanao sarin' ady amy ny lefona. 2°*fig*. Mpiady hevitra.

JOUVENCEAU, *sm*. Kilongalahy.

JOVIAL, ALE, *adj*. Mariadriaka, falifaly, ravoravo, miramirana. Comme Gai.

JOVIALEMENT, *adv*. Comme Gaiement.

JOVIALITÉ, *sf*. Comme Gaieté.

JOYAU, *sm*. Firavaka toy ny kavina, vatosoa, etc.

JOYEUSEMENT, *adv*. Amin-kafaliana, amin-karavoravoana.

JOYEUSETÉ, *sf*. Hatsikana, arira. Dire des joyeusetés. Milaza *hatsikana, arira*.

JOYEUX, EUSE, *adj*. 1° Falifaly, ravoravo, mariadriaka, sariadriaka, miramirana. Il est d'humeur joyeuse. *Falifaly*, etc., izy. Voy. Joie. 2° —, Mampiseho hafaliana, mahafaly, maharavoravo. Chanson joyeuse. Hiran-*kafaliana*. Joyeuse nouvelle. Zava-baovao *mahafaly, maharavoravo*.

JUBILAIRE, *adj*. Momba ny jobily.

JUBILATION, *sf*. Hafaliana, fifaliana, haravoana, firavoravoana, hamiranana, firobirobiana. Comme Joie.

JUBILÉ, *sm*. Jobily.

JUBILER, *vn*. Mifalifaly, miravoravo, mirobiroby.

JUCHER, *vn*. 1° Miteronterona, miringiringy. 2° *fig*. Miringiringy.

—, *va*. Mampiringiringy. On me jucha sur l'impériale. *Naringiringy* tao amy ny rihan-kalesy aho.

Se jucher, *vpr*. Miteronterona, miringiringy.

JUCHOIR, *sm*. Zavatra fiteronterona, — fisampazana.

JUDAÏQUE, *adj*. Any ny Jody. La loi —. Ny lalàn' *ny Jody*.

JUDAÏSER, *vn.* Manaraka ny fanao sasan' ny Jody.

JUDAÏSME, *sm.* Fivavahan' ny Jody.

JUDÉE, *sf.* Jodea.

JUDICATURE, *sf.* Rabaraha momba ny fitsarana.

JUDICIAIRE, *adj.* 1° Any ny mpitsara. Autorité —. Fahefan' *ny mpitsara.* 2° —, Ataon' ny mpitsara, voadidin' ny mpitsara. Enquête —. Famotopotorana *ataon' ny mpitsara.* Vente —. Fivarotana *voadidin' ny mpitsara.*

JUDICIAIREMENT, *adv.* Araka ny fomban' ny fitsarana.

JUDICIEUSEMENT, *adv.* Amim-pahamalinana.

JUDICIEUX, EUSE, *adj.* 1° Mahay mitsara zavatra. Homme —. Olona *mahay mitsara zavatra.* 2° —, Mampiseho fahaizana mitsara zavatra. Réflexion judicieuse. Hevitra *mampiseho fahaizana mitsara zavatra.*

JUGE, *sm.* 1° Mpitsara, andriambaventy, mpanapaka. Dieu est le souverain —. Andriamanitra no *mpitsara* ambony indrindra. Les juges l'ont condamné. Ny *mpitsara,* ny *andriambaventy* nanameloka azy. — de paix. *Mpitsara* ny ady madinidinika. — d'instruction. *Mpitsara* mpamotopototra ny àmy ny heloka. L'Église est — de ce qui a rapport à la foi. Ny Eglizy no *mpanapaka* izay momba ny finoana. 2°—, Elanelam-panahy, mpanelanelana. Nous vous prenons pour—. Maka anao ho *elanelam-panahy,* etc., izahay. 3°—, Mpitsara zavatra. Il est bon—en peinture. Mahay *mitsara* ny hoso-doko izy. La conscience est— de la moralité des actions. Ny ao am-po no *mpitsara* na mety na tsy mety ny atao.

JUGEMENT, *sm.* 1° Fitsarana, teny fitsarana, didy, fanapahana. J'ai assisté au — du procès. Nanatrika ny *fitsarana* izany ady izany aho. Signifier un—. Mamoaka *teny fitsarana, didy.* 2°—, Lahatra, hevitra. Les jugements de Dieu sont impénétrables. Tsy azo fantarina ny *lahatra, hevitr'* Andriamanitra. Je me rends à votre —. Ekeko ny *hevitrao.* 3° —, Fitsaran-javatra, fandanjan-javatra, saina. Il a de l'esprit, mais il n'a pas de—. Manan-tsaina hiany izy, fa tsy mahay *mitsara zavatra, mandanja zavatra.* Ne faites pas des jugements téméraires. Aza *mitsaratsara* foana ny namana. Il a perdu le—. Very *saina* izy.

JUGER, *va.* 1° Mitsara, manapaka, manelanelana. On l'a jugé, il est absous. *Voatsara* izy, ka afaka. Voici l'arbitre qui nous jugera. Inty ny elanelam-panahy *hitsara, hanapaka* ny adintsika, *hanelanelana* antsika. 2°—, Mitsara, mandanja, mihevitra, manao ho.., maminany. Vous le jugez bien, c'est un vrai fripon. *Mitsara, mandanja* azy tsara hianao, fa karilahy tokoa izy. Il a bien jugé ce tableau. *Notsarainy* tsara io sary io. L'œil juge des couleurs. Ny maso *mitsara* ny volon-doko. Ne jugez pas mal du prochain. Aza *mitsara* ratsy ny namana. Jugez d'autrui par vous-même. *Hevero* ho toy ny tenanao ny namanao. Jugez-vous cela nécessaire? Moa *heverinao, ataonao* fa tsy maintsy hatao izany? Je jugeai, à son air, qu'il était fort inquiet. *Novinaniko* tamy ny endriny fa be ahiahy izy.

Se juger, *vpr.* 1° Tsaraina. L'affaire se juge. *Tsaraina* ny raharaha. 2°—, Mihevi-tena, manao ny tenany. Il se juge bien. *Mihevitra ny tenany* araka ny marina izy. Vous en jugez-vous capable? Moa *heverinao, ataonao* fa zakanao izany?

JUGULAIRE, *adj.* Amy ny tenda. Veines jugulaires. Hoza-dra *amy ny tenda.* —, *sf.* Hoza-dra amy ny tenda.

JUGULER, *va.* Manakenda, manenda, manatraoka.

JUIF, IVE, *s.* 1° Jody. 2° *fig.* Mpaka zana-bola be loatra, mpaka tombony be loatra.

JUILLET, *sm.* Volana fahafito amy ny taona vazaha.

JUIN, *sm.* Volana fahenina amy ny taona vazaha.

JUIVERIE, *sf.* Fakana zana-bola be loatra, — tombony be loatra.

JUMEAU, ELLE, *s.* et *adj.* Kambana. Elle accoucha de trois jumeaux. Niteraka *kamban*-telo izy.

JUMELLES, *sf. pl.* Masolavitra roa fijerena.

JUMENT, *sf.* Soavàlivavy.

JUPE, *sf.* Zipo tapaka.

JUPITER, *sm.* Anaram-planeta lehibe Jopitera.

JUPON, *sm.* Zipo tapaka fanao anatiny.

JURÉ, ÉE, *adj.* Nitoto tany. Ennemi—. Fahavalo *nitoto tany.* —, *sm.* Olona voafidy hitsara ny meloka.

JUREMENT, *sm.* 1° Fianianana foana. 2°—, Fitenenan-dratsy an' Andriamani-

tra, fanozonana, fiozonana, fanompana, fitsitsihana, fingosoana. Voy. IMPRÉCATION.

JURER, *va.* 1° Mianiana, miozona, mifantafanta, mivelirano, mitoto tany, manao fati-dra, mifanao mafy, mingoso. Dieu en vain tu ne jureras. Tsy *hianiana* foana amy ny anaran' Andriamanitra hianao. Il jure son Dieu qu'il en est ainsi. *Mianiana, miozona, mifantafanta* amin' Andriamanitra izy fa marina izany. — obéissance. *Mivelirano* mba hanaiky.—une haine mortelle au démon. *Mitoto tany* amy ny demony. — fidélité à son ami. *Manao fati-dra, mifanao mafy* amy ny sakaizany. —d'avoir un commerce illicite avec les personnes les plus sacrées, si ce qu'on dit n'est pas vrai. *Mifantafanta, mingoso.* 2°—, Miteny ratsy an' Andriamanitra. 3°—, Mametra-teny, mikasa mafy. Il lui avait juré le secret. *Nametra-teny* taminy mba tsy hanambara na inona na inona izy. Il a juré sa mort. *Nikasa mafy* mba hahafaty azy izy.

—, *vn.* 1° Mianiana foana. Il jure à tout propos. *Mianiana foana* lalandava izy. 2°—, Miteny ratsy an' Andriamanitra, manozona, miozona, manompa, mitsitsika, misahato, mifantafanta, mingoso. 3° *fig.* Mifamono, mifanohitra. Le vert jure avec le bleu. *Mifamono,* etc., ny maitso sy ny manga.

Se jurer, *vpr.* Mifampianiana, mifampiozona, mifampifantafanta, mifampivelirano, mifampitoto tany, mifanao mafy, mifamati-dra.

JUREUR, *sm.* 1° Mpianiana foana. 2° —, Mpiteny ratsy an' Andriamanitra, mpanozona, mpiozona, mpanompa, mpitsitsika, mpisahato, mpifantafanta, mpingoso.

JURIDICTION, *sf.* Fahefana, fanapahana. Il exerce sa — sur toute cette province. Manam-*pahefana* amin' ity fari-tany manontolo ity izy. Cela est de votre —. Ao anatin' ny *fahefanao,* azonao *tapahina* izany.

JURIDIQUE, *adj.* Araka ny fanao amy ny fitsarana, araka ny lalána.

JURIDIQUEMENT, *adv.* Comme JURIDIQUE.

JURISCONSULTE, *sm.* Mpahay ny lalána.

JURISPRUDENCE, *sf.* 1° Fahaizana ny lalána. 2° —, Lalána.

JURISTE, *sm.* Mpivaofy ny lalána.

JURON, *sm.* Fitenenan-dratsy an' Andriamanitra, ozona, ompa, sahato, fingosoana.

JURY, *sm.* 1° Olona maromaro voafidy hitsara ny meloka. 2° —,Olona maromaro voafidy handinika raharaha, — hitsara zavatra.

JUS, *sm.* Ranon-javatra, ro. — de citron. *Ranom*-boasary. — de viande. *Ron*-kena. ‖ *loc.* — de la vigne. Divay.

JUSQUE, *prép.* 1° Hatra, mandraka, ambaraka. De Paris jusqu'à Rome. Hatrao Parisy ka *hatrany* Roma. Depuis Pâques jusqu'à la Pentecôte. Hatramy ny Paka ka *hatramy* ny Pentekoty. Jusqu' au genou. *H*alohalika. Jusqu'aux reins. *H*avalahana. Jusqu'aux aisselles. *H*ahelika. Jusqu'à présent. *Mandraka, ambaraka* ankehitriny. Jusqu'à la mort. *Mandra* - pahafaty, *ambara* - pahafaty. Jusqu'à quand, jusques à quand souffrirez-vous cela? *Ambara*-pahoviana no handeferanao izany. 2°—, Na dia...aza. Il aime jusqu'à ses ennemis. Tiany *na dia* ny fahavalony *aza.*

JUSTAUCORPS, *sm.* Akanjo henjana.

JUSTE, *adj.* 1° Marina, araka ny rariny, mahiratra, mahitsy, mety. Sentence —. Fitsarana *marina, araka ny rariny.* Magistrat—. Mpitsara *marina.* Homme —. Lehilahy *marina.* Voix —. Feo *marina.* Une —colère. Hatezerana *marina, araka ny rariny.* Balance —. Mizana *marina, mahiratra.* Expression —. Fiteny *mahitsy, mety.* 2°—, Mahay mitsara zavatra. Il a l'oreille —. *Mahay mitsara* feon-*javatra* ny sofiny. 3°—, Ety, fohy. Il m'a fait mon habit bien—. Nataony *ety,* etc., loatra ny akanjoko.

—, *sm.* 1° Olo-marina. 2°—, Ny marina.

—, *adv.* Marina, araka ny marina, indrindra. Il a pesé —. Nandanja *marina, araka ny marina* izy. Il est arrivé — à l'heure du dîner. Tonga *marina* tamy ny fotoam-pihinanana izy, tamy ny fotoam-pihinanana *indrindra* izy no tonga.

Au juste, *loc. adv.* Marina, tena. Dites-m'en le prix au —. Ilazao izay vidiny *marina, tena* vidiny aho.

JUSTEMENT, *adv.* Araka ny marina, araka ny rariny, indrindra. Il a été puni —. Nofaizina *araka ny marina, araka ny rariny* izy. C'est — le livre que je cherche. Ity *indrindra* ilay boky tadiaviko.

JUSTESSE, *sf.* 1° Hamarinana. hahiratra, hahitsiana, fetezana. Il vise avec —.

Mikendry *marina* izy. Il parle avec —. Miteny *mahitsy* izy. 2°—, Fahaizana mitsara zavatra. Il a beaucoup de — d'esprit. *Mahay mitsara zavatra* loatra izy.

JUSTICE, *sf.* 1° Fahamarinana, hamarinana, ny marina, ny rariny. On vante la — de ce juge. Deraina ny *fahamarinana,* ny *hamarinan*'io mpitsara io. La — est de son côté. *Marina* ny azy. Il gouverne avec —. Mifehy araka *ny marina, ny rariny* izy. Adam ne persévera point dans la —. Tsy naharitra tamy ny *fahamarinana* Adama. Heureux ceux qui souffrent persécution pour la —. Finaritra izay miaritra ny fanjehana noho ny *rariny.* 2°—, Fitsarana, fahefana hitsara. Le ministre de la —. Ny lehiben' ny mpanao raharaha amy ny *fitsarana.* Il y a bonne — en ce pays. *Tsaraina* araka ny rariny ny olona amin' izany tany izany. Excercer la —. *Mitsara.* Toute — émane du roi. Avy amy ny mpanjaka ny *fahefana* rehetra mba *hitsara.* 3°—, Fanamelohana, famaizana, fitsarana araka ny marina, filazana marina, fiderana, fankatoavana. On a fait — de ces brigands. *Nohelohina, nofaizina* ireo jiolahy ireo. Soyez certain qu'on vous fera —. Matokia fa *hotsaraina araka ny marina* hianao. Je lui rends —, il a fait ce qu' il pouvait. *Milaza marina* aho fa nanao izay zakany izy. Au fond de son cœur il me rend—. *Midera, mankató* ahy izy ao am-pony. 4°—, Mpitsara, polisy. Il est le chef de la—. Lehiben' ny *mpitsara* izy. La—est à sa recherche. Lasa nitady azy ny *polisy.*

JUSTICIABLE, *adj.* et *s.* Olona azon' ny mpitsara sasany tsaraina.

JUSTIFIABLE, *adj.* Azo alan-tsiny. Sa conduite n'est pas—. Tsy *azo alantsiny* ny nataony.

JUSTIFIANT, ANTE, *adj.* Mahamasina. Grâce justifiante. Fahasoavana *mahamasina.*

JUSTIFICATIF, IVE, *adj.* Manamarina, manaporofo. Pièces justificatives. Taratasy *manamarina, manaporofo.*

JUSTIFICATION, *sf.* 1° Fanalan-tsiny, fialan-tsiny, fanadiovana, fidiovana, fanamasinana. 2°—, Fanamarinana, fanaporofoana.

JUSTIFIER, *va.* 1° Manala tsiny, manadio, manamasina. Il a été justifié de ce crime. *Nalan-tsiny, nodiovina* tamin'izany heloka izany izy. Nous sommes justifiés par le sang de Jésus-Christ. *Diovina, hamasinin'* ny rany Jeso-Kristy isika. 2°—, Mahamarina, manamarina, manaporofo. L'intérêt public ne saurait — une telle violation des lois. Na dia mahasoa ny vahoaka aza tsy *marina* ny fandikana ny laléna toy izany. L'événement justifia ses prévisions. Ny zavatra niseho *nanamarina* ny vinany nataony. Il a justifié cela par l'Écriture Sainte. *Nanamarina, nanaporofo* izany tamy ny Soratra Masina izy.

Se justifier, *vpr.* Miala tsiny, midio.

JUTEUX, EUSE, *adj.* Be rano. Fruits —. Voan-kazo *be rano.*

JUVÉNILE, *adj.* Any ny tanora. Ardeur —. Faharisihan' *ny tanora.*

JUXTAPOSÉ, ÉE, *adj.* Mipaka, tafakambana, mikambana, mitambatra.

JUXTAPOSER, *va.* Mampipaka.

Se juxtaposer, *vpr.* Mipaka, mikambana, mitambatra.

JUXTAPOSITION, *sf.* Fipahana, fikambanana, fitambarana.

K

KAKATOÈS, *sm.* Karazam-boloky.

KÉPI, *sm.* Kaskety.

KILO, KILOGRAMME, *sm.* Lanjan' arivo grama.

KILOMÈTRE, *sm.* Arivo metatra.

KIOSQUE, *sm.* Trano heva amy ny zarday.

KYRIELLE, *sf.* Zavatra tsy tambo isaina.

L

LA, Voy. Le.

LÀ, *adv.* Ao, etsy, eroa, erỳ, izany, izay. Mettez — ce livre. Apetraho *ao, etsy, eroa* io boky io. Il était — tout à l'heure. Vao haingana izy no *tao*. De — au village il y a deux cents pas. Hatrao ka hatramy ny tanána dia misy roan-jato mandingana. Passez par —. *Ao* aleha. Reculez jusque—. Mihemora hatreo. Nous avons couru çà et—, par-ci par —. Nankatsy *nankarý* izahay. De—sont venues les guerres civiles. *Izany* no nihiavian' ny ady an-trano. Par — vous réussirez. *Izany* no hahatantorahanao izay tianao. Venez à deux heures, je vous attendrai jusque —. Tongava amy ny roa, fa hiandry anao hatramin' *izay* aho. En cette année —. Tamin' *izany* taona *izany*. Que pensez-vous — dessus? Inona no hevitrao amin' *izany*?

Là, là, *int.* Aoka izay. —, ne crains rien. *Aoka izay,* fa aza matahotra.

LABEUR, *sm.* Asa, asan-tánana. Il vit de son —. Ny *asan-tanany* no ivelomany.

LABIAL, ALE, *adj.* Amy ny molotra, tononina amy ny molotra. Lettres labiales. Litera *tononina amy ny molotra.*

LABORATOIRE, *sm.* Trano fanaovana fanafody na zavatra hafa.

LABORIEUSEMENT, *adv.* Amin-katsarana.

LABORIEUX, EUSE, *adj.* 1° Miasa mafy, tia asa. Homme —. Olona *miasa mafy,* etc. Élève —. Mpianatra *mianatra mafy, tia fianarana.* 2°—, Mahasasatra, sarotra. Entreprise laborieuse. Haharaha *mahasasatra,* etc. Digestion laborieuse. Fandevonan-kanina *sarotra.*

LABOUR, *sm.* Asa, fiasan-tany. Ce — est profond. Lalina izany *asa* izany.

LABOURABLE, *adj.* Azo asaina.

LABOURAGE, *sm.* Fiasan-tany.

LABOURER, *va.* 1° Miasa tany. — un champ. *Miasa* tanimboly. — avec des bœufs. *Mampiasa tany* ny omby. 2°—, Mitrongy. Le boulet a labouré le champ. *Nitrongy* ny tanimboly ny balan-tafondro. 3° *fig.* Mikely aina. Il faut — pour parvenir à son but. Tokony *hikely aina* mba hahazoana izay kendrena.

LABOUREUR, *sm.* Mpiasa tany.

LABYRINTHE, *sm.* 1° Trano mielitreflitra sarotra ivoahana. 2° *fig.* Fahasahiranana lehibe. Il est engagé dans un—. Tafahitsoka ao anatin' ny *fahasahiranana lehibe* izy.

LAC, *sm.* Farihy.

LACER, *va.* Mamehy. — un corset. *Mamehy* fitizy.

LACÉRATION, *sf.* Fandriarana taratasy.

LACÉRER, *va.* Mandriatra taratasy.

LACET, *sm.* 1° Kofehy. Passer un —. Mampiditra *kofehy.* 2°—, Fandrika, tady vavarana. Tendre un —. Mamelapandrika. Prendre une perdrix au —. Mamandrika tsipoy amy ny *tady vavarana.* Voy. Lacs.

LÂCHE, *adj.* 1° Ketraka, gedragedra, makerakera, migoragora. Cette ceinture est trop —. *Ketraka, gedragedra* loatra ity etra ity. Toile—. Lamba *makerakera.* Ce nœud est trop—. *Migoragora* loatra izany vonan-kofehy izany. 2° *fig.* Osa, osatay, kaosy, kanosa. Cet ouvrier est — au travail. *Osa* amy ny fanaovan-draharaha ity mpiasa ity. Ce soldat est—. *Osa, osatay, kanosa* io miaramila io. Coq — au combat. Akoholahy *osatay, kaosy.* 3°—, Mahamenatra. C'est être — que d'abandonner son ami. *Mahamenatra* ny manary sakaiza. 4°—, Lavareny. Style—. Laha-teny *lavareny.*

—, *sm.* Kanosa.

LÂCHEMENT, *adv.* Amim-pahosana.

LÂCHER, *va.* 1° Manaketraka. Cette corde est trop tendue, lâchez-la un peu. Henjana loatra io mahazaka io, ka *ketraho* kely. 2°—, Mandefa. — un prisonnier. *Mandefa* sambo-belona. — une écluse. *Mandefa* rano amy ny vavahadin-drano. — un coup de fusil. *Mandefa* basy iray vava. — une parole. *Mandefa* teny tsy voahevitra. ‖ *loc.* — pied. Mihemotra, mandositra; *fig.* manaiky, mikoy.

—, *vn.* Mihaketraka. Prenez garde que la corde ne lâche. Tandremo sao *mihaketraka* ny mahazaka.

Se lâcher, *vpr.* Mihakotraka.

LÂCHETÉ, *sf.* 1° Hahosana, fahosana, hakanosa. 2°—,*pl.* Zavatra mahamenatra.

LACONIQUE, *adj.* Fohifohy, fohy teny. Style —. Laha-teny *fohifohy.* Il est — dans ses réponses. *Fohy teny* izy raha mamaly. Voy. Concis.

LACONISME, *sm.* Hafohezan-teny.

LACRYMAL, ALE, *adj.* Momba ny ranomaso. Conduits lacrymaux. Lálan-*dranomaso.*

LACS, *sm.* 1° Tady vavarana, fandrika. Un — de crin. *Tady vavarana* atao amy ny rambon-tsoavaly. 2° *fig.* Fandrika, fahasahiranana.

LACTATION, *sf.* Fampinonoana.

LACTÉ, ÉE, *adj.* Momba ny ronono. ‖ *loc.* Voie lactée. Vahin-danitra.

LACUNE, *sf.* Filazan-tsasaka. Il y a des lacunes dans cette histoire. Misy voa *laza sasaka* amin' izany tantara izany.

LADRE, *adj.* 1° Mamoavary, misy voavary. Pourceau —. Kisoa *mamoavary,* etc. 2° *fig.* Donto. Il faut être — pour supporter cette injure. *Donto* loatra raha mahaleftra izany fanaratsiana izany. 3°—, Mahihitra, mihirim-belona.

Ladre, ladresse, *s.* Kahihitra, mpihirim-belona.

LADRERIE, *sf.* 1° Voavary. 2° *fig.* Fahihirana, fihirinam-belona.

LAGUNE, *sf.* Hotsaka, honahona.

LAID, AIDE, *adj.* 1° Ratsy tarehy, ratsy endrika. antima. Homme —. Olona *ratsy tarehy,* etc. C'est un — magot. Hoatra ny *antima* izy, *antima* izy. 2° *fig.* Ratsy, vetaveta. Tenir de laids propos. Manao resa-*dratsy,* etc.

—, *sm.* Ny ratsy tarehy.

LAIDEUR, *sf.* 1° Haratsian-tarehy, haratsian'endrika. 2° *fig.* Haratsiana, havetavetana.

LAIE, *sf.* Lambovavy.

LAINAGE, *sm.* 1° Lamba volon'ondry. 2° —, Volon' ondry. Ce mouton a un beau —. Tsara *volo* io ondrilahy io.

LAINE, *sf.* Volon'ondry. Mouton bien fourni de —. Ondrilahy be *volo.* Filer de la —. Mamoly *volon' ondry.* Bêtes à —. *Ondry.*

LAINEUX, EUSE, *adj.* 1° Be volo. Mouton —. Ondrilahy *be volo.* 2° —, Vovoloina. Plante laineuse. Zava-maniry *volovoloina.*

LAÏQUE, *adj.* et *s.* Tsy mpanao raham-pivavahana, tsy relijiozy.

LAISSE, *sf.* 1° Kibango. Mener son chien en —. Mitarika alika amy ny *kibango.* 2° *fig.* Mettre quelqu'un en —. Mandidy olona araka izay tiana.

LAISSER, *va.* Mamela, manajanona, manadino, mametraka, mandao, mahafoy. Il a laissé son fils à Paris. *Navelany, najanony* any Parisy ny zanany. Laissez votre montre. *Avelao, ajanony* ny famantaranandronao. Il a laissé sa canne. *Navelany, nohadinoiny* ny tehiny. J'ai laissé votre lettre à son domestique. *Navelako, najanoko, napetrako* ao amy ny mpanompony ny taratasinao. Je vous en laisse le soin. *Avelako, apetrako* ho andraikitrao izany. Laissez l'enfant sur sa chaise. *Avelao* ny zaza kely ho ao amy ny seza ipetrahany. Laissez-là un intervalle. *Amelao* elanelana ao. — un nom en blanc. *Mamela* elanelana hanoratana anarana. Les voleurs lui ont laissé son habit. *Navela, najanon'*ny mpangalatra ny akanjony. Il le laissa pour mort. Nataony fa efa maty izy ka *nilaozany.* Laissez cette discussion. *Avelao, ajanony* izany ady hevitra izany. Je lui en laisse le profit. *Avelako, afoiko* ho azy ny tombony. Il a laissé ses livres à son ami. *Navelany, nafoiny* ho any ny sakaizany ny bokiny. Il a laissé de grands biens après sa mort. Betsaka ny harena *navelany* nony maty izy. Je vous laisse ce cheval pour cinquante piastres. *Avelako, afoiko* ho anao io soavaly io raha dimampolo, alaiko dimam-polo aminao io soavaly io Laissez-moi parler. *Avelao* kely aho mba hiteny. Laissez-les dire. *Avelao* izy ireo hibedibedy any. Laissez-les faire. *Avelao* izy ireo hanao. ‖ *loc.* — quelqu'un dans l'embarras. Tsy mamonjy olona sahirana. Laissez-moi en paix, laissez-moi tranquille. Aza manahirana ahy, aza manelingelina ahy. Il laisse tout à l'abandon. Manao baranahiny ny zavatra rehetra izy. Il n'a laissé que les quatre murailles. Nofoanany avokoa ny zavatra tao an-trano. Laissez le chemin à droite. Aza mihazo ny lálana havanana. Cette marchandise est à prendre ou à —. Izany no vidin'io entana io na sahy hianao na tsy sahy. Cela laisse beaucoup à penser. Mampieritreritra maty izany. Il n'a rien laissé à dire. Notaperiny avokoa ny zavatra rehetra azo lazaina ny amin' izany. Il est pauvre, mais il ne laisse pas d'être honnête homme. Mahantrahantra

hiany izy, nefa tsara fanahy kosa. Il a laissé de grands regrets. Nalahelo azy daholo ny olona. Cette liqueur laisse un mauvais goût. Ratsy fara izany lalikera izany. Ce voyage m'a laissé des souvenirs agréables. Mahafinaritra ahy ny fahatsiarovana ny zavatra sasany tamy ny dia nalehako.

Se laisser, *vpr.* Tsy manohitra, minia. Se — mourir de faim. *Minia* matin-kanoanana. || *loc.* Se — tomber. Miaujera, lavo. Se — aller. Manaram-po, manarana, miondrika. Se — aller à la paresse. *Manaran*-daina. Se — aller à la douleur. *Miondrika* amy ny alahelo. Il s'est laissé tromper. Voafitaka izy. Ce livre se laisse lire. Famakivaky hiany io boky io. Cela se laisse manger. Fihinana hiany izany. Se — gouverner. Manaraka am-bokony.

LAISSER-ALLER, *sm.* Fahatsorana, fanaranam-po, fanaovana tsirambina.

LAISSER-PASSER, *sm.* Taratasy fanomezan-dálana mba hizotra.

LAIT, *sm.* 1° Ronono, songo, habobo.—de chèvre. *Rononon'* osy. Premier — de la vache. *Songo.* Second — que la vache donne trois jours après qu'elle a vêlé. *Habobo.* Frère, sœur de — Mpiolo-*nono.* Cochon de —. Zana-kisoa mbola *minono.* 2°—, Ranon-kazo mandronono, ranonjavatra fotsy. —de figuier. *Ranon'* aviavy *mandronono.* Blanchir une muraille avec du — de chaux. Mandalotra rindrina amy ny *ranon*-tsokay

LAITAGE, *sm.* Ronono sy karazan-kanina avy amy ny ronono.

LAITERON, *sm.* Beroberoka.

LAITEUX, EUSE, *adj.* Mandronono, miendri-dronono.

LAITIER, IÈRE, *s.* Mpivaro-dronono. —, *adj.* et *sf.* Alain-dronono, be ronono. Vache laitière. Ombivavy *alain-dronono,* etc. C'est une bonne laitière. *Be ronono* io ombivavy io.

LAITON, *sm.* Varahi-maitso.

LAITUE, *sf.* Salady.

LAIZE, *sf.* Lambanana, ambainy.

LAMBEAU, *sm.* 1° Vorotra, potika, tapaka, sombina. — d'étoffe. *Voro*-damba, etc.— de natte. *Voro*-tsihy. — de rabane. *Voro*-jiafotsy, *voro*-kitsay. Mettre en lambeaux. *Mamotipotika.* Son habit est en lambeaux. *Potipotika* ny akanjony. Il y a laissé un — de son habit. Nisy *sombin'* akanjony niraikitra tao. 2° *fig.* Sombiny. Voici un — de son discours. Inty ny *sombiny* kely avy amy ny laha-teniny.

LAMBIN, INE, *s.* et *adj.* Mitaredretra, mitsiredareda, milasilasy, mitavozavoza, mikisinkisina.

LAMBINER, *vn.* Mitaredretra, mitsiredareda, milasilasy, mitavozavoza, mikisinkisina.

LAMBOURDE, *sf.* Lafi-drihana, rairain-drihana.

LAMBRIS, *sm.* Peta-drindrina, saridiseza, tranotrano. Ce — est de marbre. Marba io *peta-drindrina* io. — d'appui. *Saridiseza.* — de plafond. Valin-drihana *mitranotrano.*

LAMBRISSAGE, *sm.* Fanaovana peta-drindrina.

LAMBRISSÉ, ÉE, *adj.* Misy peta-drindrina.

LAMBRISSER, *va.* Manisy peta-drindrina, — saridiseza, manisy tranotrano amy ny valin-drihana.

LAME, *sf.* 1° Takelaka. — de cuivre. *Takela*-barahina. — d'or. *Takela*-bolamena. 2°—, Lelan-java-maranitra. — de sabre. *Lelan*-tsabatra, *lela* sabatra. Couteau à deux lames. Antsipika roa *lela.* — à deux tranchants. *Lelan-javatra* marani-dany roa. 3°—, Onjan-drano. Une — couvrit le navire. Nisy *onjan-drano* nanafotra ny sambo.

LAMÉ, ÉE, *adj.* Misy takela-bolamena na volafotsy. Étoffe lamée d'or. **Lamba** *misy takela-bolamena.*

LAMELLE, *sf.* Takelaka madinika, helakelaka.

LAMELLÉ, ÉE ou **LAMELLEUX, EUSE,** *adj.* Mihelakelaka, miselatselaka. L'ardoise est une pierre lamelleuse. Ny solaitra dia vato *mihelakelaka,* etc.

LAMENTABLE, *adj.* Mampitomany, mampalahelo, mampahoriory. Mort —. Fahafatesana *mampitomany,* etc. Voix —. Feo *mampalahelo.*

LAMENTABLEMENT, *adv.* Amin' alahelo.

LAMENTATION, *sf.* Figogogogoana, fidradradradrana, finaonaona, fitarainana, fitomaniana. Les lamentations de Jérémie. Ny *fitomaniany* Jeremia.

LAMENTER (SE), *vpr.* Migogogogo, midradradradra, minaonaona, mitaraina. Les femmes se lamentaient. *Nigogogogo, nidradradradra, ninaonaona* ny vehivavy. Il se lamente sans cesse sur la perte de son emploi. *Mitaraina* lalandava izy noho ny nijanonany tamy ny raharahany.

LAMINAGE, *sm.* Famisahana metaly.

LAMINER, *va.* Mamisaka. — du fer. *Mamisaka* vy.

LAMINEUR, *sm.* Mpamisaka metaly.

LAMINOIR, *sm.* Milina famisahana metaly.

LAMPE, *sf.* Fanaovan-jiro solika.

LAMPION, *sm.* Tavin-jiro.

LAMPISTE, *sm.* Mpanao na mpivarotra fanaovan-jiro solika.

—, *s.* Mpikarakara ny momba ny fanaovan-jiro solika.

LAMPROIE, *sf.* Hazandrano mitovitovy amy ny amalona.

LANCE, *sf.* 1° Lefona. Percer d'un coup de —. *Mandefona.* 2° *fig.* Rompre une — pour quelqu'un. Miaro olona amy ny vava.

LANCÉ, ÉE, *p.* 1° Voatsipy, natsipy, natoraka, voatoraka, nalefa. 2° *fig.* Navoaka, nafitsoka, nampiriotina, miriotra, natopy. Les paroles lancées contre lui l'ont blessé profondément. Nankararirary azy loatra ny teny *nafitsoka* azy. 3°—, Nampidinina, nampidirina.

LANCÉOLÉ, ÉE, *adj.* Miendri-defona, hoatra ny lela lefona. Feuilles lancéolées. Ravin-java-maniry *miendri-defona*, etc.

LANCER, *va.* 1° Manipy, mitoraka, mandefa. — des pierres. *Manipy. mitoraka* vato. —une balle. *Manipy* baolina. — des flèches. *Mandefa* zana-tsipika. Dieu lance la foudre. Andriamanitra *mandefa* ny varatra. 2° *fig.* Mandefa, mamoaka, mampiriotra, manopy. — des paroles mordantes. *Mandefa, mamoaka* teny manindrona. — une brochure contre quelqu'un. *Mamoaka* boky kely mba hamely olona. — le sanglier. *Mamoaka* lambo. — un cheval. *Mampiriotra* soavaly. — des œillades. *Manopy* maso. ‖ *loc.* — un regard de colère. Mangarika. 3°—, Mampidina, mampiditra. — un navire à la mer. *Mampidina* sambo ho amy ny ranomasina. — quelqu'un dans les affaires. *Mampiditra* olona ho amy ny raharaha. Voy. Jeter.

Se lancer, *vpr.* 1° Mivarina, mirotsaka, miantoraka. Il se lança sur l'ennemi. *Nivarina,* etc., hamely ny fahavalo izy. Ils se lancèrent l'un sur l'autre. *Nifampiantoraka* izy roa lahy 2° *fig.* Miditra.

LANCETTE, *sf.* Antsy kely fanalandra.

LANCIER, *sm.* Miaramila an-defona mitaingin-tsoavaly.

LANCINANT, ANTE, *adj.* Manaintaina, manombotrombotra, manindrontsindrona.

LANDE, *sf.* Tany foana tsy mahavokatra.

LANGAGE, *sm.* 1° Fitenenana. Quelle est l'orgine du —. Nanao ahoana no niandohan' ny *fitenenana.* 2°—, Fiteny, laha-teny, fandaha-teny, fombam-pitenenana, baiko. Il a un — correct. Mahitsy *fiteny* izy, mahitsy ny *laha-teniny,* ny *fandaha-teniny.* Il a changé de —. Niova *fiteny* izy. Le — de l'Écriture Sainte. Ny *fombam-pitenenana* fanao amy ny Soratra Masina. C'est un — inconnu. *Fiteny* tsy fantatra izany, *baiko* izany. Le — des sourds-muets. Ny *baikon'* ny moana.

LANGE, *sm.* Lamban-jaza.

LANGOUREUSEMENT, *adv.* Amin' alahelo.

LANGOUREUX, EUSE, *adj.* Mampiseho hareraham-po, — alahelo, mitoreo. Ton —. Feo *mampiseho hareraham-po,* etc. Il a un air —. *Mampiseho hareraham-po, alahelo* ny toetrany.

LANGOUSTE, *sf.* Karazan'oran-dranomasina.

LANGUE, *sf.* 1° Lela, vava, fiteny, teny. La — d'un bœuf. Ny *lelan'* omby. Montrez la —. Atrangao ny *lelanao.* Les serpents dardent leur —. Manatrangatranga ny *lelany* ny bibilava. Il a la — bien pendue. Fihara-*bava,* marani-*bava,* malama *vava* izy. Il a la — bien longue. Mahay *vava,* basi*vava,* *vavána,* tsy mahatam-*bava* izy. Il n'est pas maître de sa —. Tsy mahatam-*bava* izy. C'est une mauvaise —. Ratsy *vava* izy. Il a une grande volubilité de —. Haingam-*piteny* izy. Il n'a point de —. Vitsy *teny* izy. La — lui a fourché. Diso *teny* izy. 2° —, Fiteny, teny. Il apprend la — française. Mianatra *fiteny,* etc., frantsay izy. — morte. *Fiteny* maty, tsy tenenina intsony. — vivante. *Fiteny* velona, tenenina izao. — primitive. *Fiteny* voalohany indrindra. — maternelle. *Fitenin*-drazana. 3° —, Tanjona. — de terre. *Tanjona.*

LANGUETTE, *sf.* 1° Ridra. La — d'une clarinette. Ny *ridran*-kilarinety. 2° —, Fitsara-mizana.

LANGUEUR, *sf.* 1° Harerahana, faharerahana. Il est mort de —. Matin' ny *harerahana,* etc., izy. 2°—, Hareraham-po, fijaliana, fiferinaina, firitana aina.

La mort de sa femme l'a jeté dans une grande —. Ny nahafatesan' ny vavy *naharera-po, nampiferinaina, nampiritra aina* azy mafy. 3° *fig.* Hahetry, fatoritory. Il y a de la — dans son discours. *Matoritory* ny laha-teniny.

LANGUEYER, *va.* Mamantatra lelan-kisoa fandrao misy voavary.

LANGUEYEUR, *sm.* Mpamantatra lelan-kisoa fandrao misy voavary.

LANGUIR, *vn.* 1° Reraka. Il y a trois ans qu'il languit de cette maladie. *Rerak'* izany aretina izany hatramy ny telo taona izy. 2° —, Rera-po, mijaly, miferinaina, miritra aina. Il languit dans une prison. *Mijaly, miferinaina, miritra aina* ao an-tranomaizina izy. Il languit d'amour. *Miritra aina* amy ny fitiavana izy. 3° *fig.* Hetry, mitsimozimozy, matoritory, samosy. Cet arbre languit faute d'eau. *Hetry, mitsimozimozy* noho ny tsy fisian-drano io hazo io. Toutes choses languissent pendant l'hiver. *Mitsimozimozy* ny zavatra rehetra raha ririnina. Son discours languit. *Matoritory* ny laha-teniny. Le commerce languit. *Matoritory* ny varotra. L'affaire languit. *Samosy* ny rahàraha.

LANGUISSAMMENT, *adv.* 1° Amin-karerahana. 2°—, Amin-kareraham-po.

LANGUISSANT, ANTE, *adj.* 1° Reraka, saozanin-dava, mavozovozo lava, somazotsazo-dava, marazodrazo-dava. Il est — dans un lit. *Saozanin-dava, mavozovozo lava, somazotsazo-dava, marazodrazo-dava* ao am-pandriana izy. 2°—, Rera-po, mijaly, miferinaina, miritra aina. 3° *fig.* Hetry, mitsimozimozy, matoritory, samosy.

LANIÈRE, *sf.* Anja-koditra.

LANTERNE, *sf.* Fanala. — de carrosse. *Fanalan*-tsoavaly. — sourde. *Fanalan*-jiolahy. — magique. *Fanala* fampisehoan-tsary.

LANTERNER, *vn.* Miahanahana, mihambahamba, mitaredretra.

—, *va.* Manao ampitso lava, mizara vava, manao vava malefaka.

LANUGINEUX, EUSE, *adj.* Voloina. La pêche est un fruit —. Voan-kazo *voloina* ny paiso.

LAPER, *vn.* et *a.* Milelaka. Le chien a lapé le lait en un instant. *Nolelafin'* ny alika vetivety foana ny ronono.

LAPEREAU, *sm.* Zana-bitro.

LAPIDAIRE, *adj.* Atao amy ny tsangam-bato, atao amy ny vatom-pasana. Style—. Laha-teny *fanao amy ny tsangam-bato,* etc.

LAPIDATION, *sf.* Fitoraham-bato.

LAPIDER, *va.* Mitora-bato. Les Juifs lapidèrent saint Etienne. *Nitora-bato* any Md. Etiena ny Jody.

LAPIDIFICATION, *sf.* Fampanjariana ho vato, fanjariana ho vato.

LAPIDIFIER, *va.* Mampanjary ho vato.

Se lapidifier, *vpr.* Manjary ho vato.

LAPIN, INE, *s.* Bitro.

LAPS, *sm.* Après un certain — de temps. Nony afaka andro sasantsasany.

LAPSUS, *sm.* — linguæ. Latsa-bava.

LAQUAIS, *sm.* Mpanompo mpanaraka.

LARCIN, *sm.* 1° Halatra. Commettre un —. *Mangalatra.* Il a été convaincu de—. Vaky tamy ny *halatra* nataony izy. 2°—, Zavatra nangalarina. Il alla cacher son—. Lasa nanafina ny *zavatra nangalariny* izy. 3° *fig.* Zavatra nalain-tahaka.

LARD, *sm.* Matomperin-kisoa, tavin-kisoa. Ce cochon a quatre doigts de —. Misy voantondro efatra ny *matomperin'* io kisoa io.

LARDER, *va.* 1° Manesika tavin-kisoa amy ny hena. 2° *fig.* Manatrabatrabaka, manisika. — quelqu'un de coups d'épée. *Manatrabatrabaka* olona amy ny sabatra. —son discours d'épigrammes. *Manisika* teny manindrona amy ny laha-teniny.

LARDON, *sm.* 1° Didin-tavin-kisoa asesika amy ny hena. 2° *fig.* Teny manindrona, fanarabiana.

LARE, *s.* et *adj. m.* 1° Comme Pénates. 2°—, *pl.* Fonenana, trano.

LARGE, *adj.* 1° Malalaka, lehibe, migodàna, midadasika, be sakana, be lambanana, be vava, debadeba, be. Chemin—. Lálana *malalaka, lehibe, migodàna, midadasika.* Ces souliers sont trop larges. *Malalaka, lehibe* loatra ireto kiraro ireto. Cette maison est trop —. *Be sakana* loatra ity trano ity. Étoffe—. Lamba *be lambanana.* Du ruban —. Robà *be lambanana.* La rivière est — en cet endroit. *Malalaka, be vava* ny renirano eto. Il a le visage —. *Debadeba, be tarehy* izy. Il a les épaules larges. *Be* soroka izy. 2° *fig.* Malalaka, lehibe, feno. Le roi lui a donné les pouvoirs les plus larges. Nanome azy fahefana *malalaka,* etc., ny mpanjaka. 3°—, Mahafoy be. Il est —. *Mahafoy be* izy. 4°—, Tsy mana-

hy ota. Il a une conscience—. *Tsy manahy ota* izy.

—, *sm.* 1° Halalaka, halehibe, habe, sakana, lambanana, vava, indrabe. Cette étoffe a un mètre de —. Metatra irny ny *habe*, ny *lambanana*, ny *vavan'* io lamba io. Comme LARGEUR. 2°—, Ny ampovoan-dranomasina. Le navire a gagné le—. Lasa any *ampovoan-dranomasina* ny sambo. 3° *fig.* Gagner le —. Miala, mandositra.

Au large, *loc. adv.* 1° An-kalalahana. Il est logé au —. *Malalaka* ny trano itoerany. 2° *fig.* Être au —. Manan-karena.

LARGEMENT, *adv.* 1° An-kalalahana, lehibe. On leur donna — tout ce qu'ils demandaient. Nomena azy ireo *malalaka* izay rehetra nangatahiny. On l'a récompensé —. Nomena valisoa *lehibe* izy. 2°—, Tsy mandefitra. Il se nourrit —. *Tsy mandefitra* amy ny fivelomana izy.

LARGESSE, *sf.* Fahafoizam-be. Il fait de grandes largesses. *Mahafoy be* izy.

LARGEUR, *sf.* Halalaka, halehibe, habe, sakana, lambanana, vava, indrabe. La — d'un fossé. Ny *habe*, ny *vavan'* ny hady. La planche a un pied de —. Iray dia ny *indraben'* ny hazo fisaka.

LARGUER, *va.* Mamaha mahazakandain-tsambo.

LARIGOT, *sm.* Boire à tire —. Miboboka.

LARME, *sf.* 1° Ranomaso. Verser des larmes. Mandrotsa-*dranomaso*, mitomany. Il fut touché jusqu'aux larmes. Nangoraka loatra izy ka rafitra nandrotsa-*dranomaso*, nitomany izy. Il versa des larmes de joie. Nandrotsa *dranomason*-kafaliana izy. Cette faute lui coûta bien des larmes. Nandrotsahany *ranomaso*, nitomaniany fatratra izany heloka izany. Il vit dans les larmes. Mandrotsa-*dranomaso* lava, miferinaina izy. 2°—, Sombiny. Il n'a bu qu'une — de vin. Tsy nisotro afa-tsy *sombin*-divay kely foana izy.

LARMOIEMENT, *sm.* Firotsahan-dranomaso tsy nahy.

LARMOYANT, ANTE, *adj.* Manao ranomaso havozona.

LARMOYER, *vn.* Mandrotsa-dranomaso, mitomany. Il ne fait que —. *Mandrotsa-dranomaso*, etc., lava izy.

LARMOYEUR, EUSE, *s.* Mpandrotsa-dranomaso, mpitomany.

LARRON, LARRONNESSE, *s.* 1° Mpifetsy, mpangalatra. Ils s'entendent comme des larrons en foire. Manao tsikombakomba loatra ny *mpangalatra* an-tsena, manao kitapo miara-pono izy ireo. 2°—, Jiolahy. Le bon —. Ilay *jiolahy* nibebaka.

LARVE, *sf.* Bibindandy, olipanjehy, bibimbomanga, bibintsaonjo, sakoivy, rangahy, fangorinana. — du hanneton. *Sakoivy, rangahy.* — du dytique. *Fangorinana.*

LARYNX, *sm.* Vava tendabe, traotraoka.

LAS, LASSE, *adj.* 1° Sasatra, valaka, vizana, trotraka. Il est — de marcher. *Sasatra*, etc., ny mandeha izy. 2° *fig.* Madikidiky, boboka, tofoka. Je suis — de ses sottises *Madikidiky*, etc., ny hadalany aho. Je suis — de ne rien faire. *Madikidiky, boboky* ny tsy manao na inona na inona aho.

LASCIF, IVE, *adj.* 1° Jejo, pilaka. 2°—, Vetaveta. Danse lascive. Dihy *vetaveta.*

LASCIVEMENT, *adv.* Amin-kajejoana, amim-pipilapilahana.

LASCIVETÉ, *sf.* 1° Hajejoana, fipilapilahana. 2°—, Zavatra vetaveta.

LASSANT, ANTE, *adj.* 1° Mahasasatra, mahavalaka, mahavizana, mahatrotraka. 2° *fig.* Mahadikidiky, mahaboboka, mahatofoka.

LASSER, *va.* 1° Mahasasatra, mahavalaka, mahavizana, mahatrotraka. Les voyages me lassent. Ny dia lava *mahasasatra*, etc., ahy. 2° *fig.* Mahadikidiky, mahaboboka, mahatofoka. Cet enfant lasse tout le monde. *Mahadikidiky* ny olona rehetra io zaza kely io. Ses discours vous lassent. *Mahaboboka, mahatofoka* ny laha-teniny.

Se lasser, *vpr.* 1° Sasatra, valaka, vizana, trotraka. Ma patience se lasse. *Sasatry* ny mandefitra aho. 2° *fig.* Madikidiky, boboka, tofoka.

LASSITUDE, *sf.* 1° Hasasarana, fahasasarana, fahavalahana, havizanana, fahavizanana hatrotrahana, fahatrotrahana. Il est excédé de—. *Sasatra, valaka, vizana, trotraka* izaitsizy izy. 2° *fig.* Hadikidiky, hatofoka.

LATANIER, *sm.* Befelatanana.

LATENT, ENTE, *adj.* Miafina. Maladies latentes. Aretina *miafina.*

LATÉRAL, ALE, *adj.* Anila. Il y a dans l'église deux chapelles latérales.

Misy lasapely iray avy amy ny *ila* roan' ny trano leglizy. Canal —. Lakan-drano *anilan'* ny renirano.

LATÉRALEMENT, *adv.* Anilany.

LATIN,INE, *adj.* Latina. Langue latine. Fiteny *latina.*

—, *sm.* Fiteny latina, teny latina.

LATINISER, *va.* Mahatonga ho teny latina.

LATINISME, *sm.* Fomba fitenenana amy ny fiteny latina.

LATINISTE, *sm.* Mpahay fiteny latina.

LATINITÉ, *sf.* Fandaharan-teny latina. Sa — n'est pas pure. Tsy mahitsy ny *fandaharany teny latina.*

LATITUDE, *sf.* 1° Latitoda, fifanalaviran' ny fitoerana anankiray amy ny Ekoatora. 2° —, Klimata, tany samihafa hafanana. L'homme peut vivre sous les latitudes les plus opposées. Mahazo mitoetra amy ny *klimata* samihafa, amy ny *tany samihafa hafanana* ny olona. 3° *fig.* Halalahana. Il laisse beaucoup de — à ses agents. Manome *malalaka* ny masoivohony izy.

LATRIE, *sf.* Fivavahana tsy fanao afatsy amin' Andriamanitra irery.

LATRINES, *sf. pl.* Garaba, trano kely, trano fivoahana, lava-tay.

LATTE, *sf.* Varivary, fitoroka, terilatsy, volotsangana amy ny valin-drihana. Lattes qu'on cloue sur les chevrons. *Varivary.* Lattes qu'on place entre les chevrons. *Fitoroka.* Lattes d'une cloison. *Terilatsy.* Lattes d'un plafond. *Volotsangana* amy ny valin-drihana.

LATTER, *va.* Mamarivary, manisy fitoroka. — terilatsy, — volotsangana amy ny valin-drihana.

LATTIS, *sm.* Varivary, terilatsy, volotsangana amy ny valin-drihana.

LAURÉAT, *adj.* et *sm.* Nahazo valisoa tamy ny fifaninanana.

LAURIER, *sm.* 1° Hazo mitovitovy amy ny ravintsara. — des forêts de Madagascar. *Ravintsara.* 2° *fig.* Voninahitra, fandresena. Cueillir des lauriers. Mahazo *voninahitra, mandresy.*

LAVAGE, *sm.* Fanasana, fanozana.

LAVE, *sf.* Taim-bolkano.

LAVÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Voasasa, nosasana, voaoza, nozana. 2° *fig.* Afaka, voadio, nodiovina, afa-tsiny.

LAVEMENT, *sm.* 1° Fanasana, fanozana. Le — des pieds. Ny *fanasana,* etc., tongotra. 2° —, Basirano avy any ambany, faham-basirano. Comme Clystère.

LAVER, *va.* 1° Manasa, manoza, mampandro. — du linge. *Manasa* lamba. — les mains, les pieds. *Manasa, manoza* tánana, tongotra. — le corps d'un enfant. *Mampandro* zaza. 2° *fig.* Manafaka, manadio, manala tsiny. David lava ses péchés avec ses larmes. Davida *nanafaka, nanadio* ny fahotana nataony tamy ny ranomaso. Je m'en lave les mains. *Afa-tsiny* amin' izany aho. ‖ *loc.* — la tête à quelqu'un. Mandevilevy olona.

Se laver, *vpr.* 1° Manasa, manoza, mandro. Se — le visage. *Manasa, manoza* tava. Se — le corps. *Mandro.* 2° *fig.* Midio, miala tsiny, afa-tsiny. Il s'est lavé du crime dont on l'accusait. *Nidio,* etc., tamy ny heloka niampangana azy izy.

LAVEUR,EUSE, *s.* Mpanasa.

LAVOIR, *sm.* Dobo fanasan-damba, tavy fanasan-dovia.

LAVURE, *sf.* Ozan-dovia.

LAXATIF, IVE, *adj.* Mampivalana moramora.

LAYETTE, *sf.* Lamban-jaza.

LAZARET, *sm.* Trano itoeran' ny ampanaovina karantena.

LE, LA, LES, *art.* Ny. — livre. *Ny* boky. La lune. *Ny* volana. Les roses. *Ny* vonin-draozy.

—, *pron. pers.* Izy, izy ireo, azy, azy ireo. Je le vois, je la vois. Hitako *izy,* mahita *azy* aho. Je les vois. Hitako *izy ireo,* mahita *azy ireo* aho. ‖ *loc.* Il n'est pas encore habile, mais il le deviendra. Tsy mbola kinga izy, nefa ho tonga kinga hiany.

LÉ, *sm.* Ambainy, lambanana. Cette robe a cinq lés de tour. Misy *ambainy* dimy ity robo ity. Cette toile est assez large pour qu'on puisse faire deux mouchoirs au —. Lehibe hiany ny *ambainy,* etc., ity lamba ity ka ampy hanaovana mosara roa.

LÈCHE, *sf.* Silaka. Une — de pain. *Sila*-mofo.

LÉCHÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Voalelaka, nolelafina. 2° *fig.* Voakaly, nokalina, lavorary. Une peinture léchée. Hoso-doko *voakaly,* etc. ‖ *loc.* Ours mal —. Olona tefy maika, ratsy tarehy, dondrina, tsy mahalala fomba.

LÉCHER, *va.* 1° Milelaka. — l'assiette. *Milela*-dovia. 2° *fig.* Mikaly.

Se lécher, *vpr.* Milela-tena. Les chats se lèchent. *Milela-tena* ny saka.

LEÇON, *sf.* 1° Fampianarana, fianarana, lesona, tsianjery. Il donne des leçons d'histoire. *Mampianatra* tantara izy. Il a pris des leçons de chant d'un excellent maître. *Nianatra* hira tamy ny mpampianatra mahay izy. Cet écolier apprend sa —. Mianatra ny *fianarany*, ny *lesony*, ny *tsianjeriny* io mpianatra io. 2°—, Torohevitra, anatra, fananarana. Écoutez les leçons de votre mère. Henoy ny *torohevitry* ny reninao. Je lui ai donné une bonne —. *Nanariko* mafy izy. Ce malheur a été pour moi une bonne —. Nahazoako *anatra*, *fananarana* tsara izany loza izany.

LECTEUR, TRICE, *s.* Mpamaky teny, mpamaky boky. C'est un bon —. *Mpamaky teny* mahay izy. Cet ouvrage a peu de lecteurs. Vitsy *mpamaky* io boky io.

LECTURE, *sf.* 1° Famakian-teny, famakiam-boky. Qui est-ce qui fait la — ce soir? Iza no *hamaky teny*, no hanao *famakian-teny* anio hariva? Il profite de ses lectures. Mahasoa azy ny *famakiany boky*. 2°—, Vakiteny. Il enseigne la — aux enfants. Mampianatra *vakiteny* ny ankizy madinika izy.

LÉGAL, ALE, *adj.* Araka ny lalána.

LÉGALEMENT, *adv.* Araka ny lalána. Procéder—. Manao *araka ny lalána*.

LÉGALISATION, *sf.* Fanamarinana.

LÉGALISER, *va.* Manamarina. —un passe-port. *Manamarina* pasipaoro.

LÉGALITÉ, *sf.* Fanarahana ny lalána. La — de cet acte est évidente. *Araka ny lalána* miharihary izany taratasy fanekena izany.

LÉGAT, *sm.* Iraky ny papa.

LÉGATAIRE, *s.* Ny tolorana. Il est son — universel. Izy no *notolorany* ny hareny rehetra.

LÉGATION, *sf.* 1° Raharahan' ny *légat*. 2°—, Raharahan' ny ambasadaora. 3°—, Ny ambasy. 4°—, Tranon' ny ambasadaora.

LÉGENDAIRE, *sm.* Mpanoratra ny tantaran' ny Olo-masina.

LÉGENDE, *sf.* 1° Tantaran' ny Olo-masina. 2°—, Soratra manodidina ny farantsa, — ny medaly. 3°—, Lovan-tsofina ela.

LÉGER, ÈRE, *adj.* 1° Maivana. Un habit —. Akanjo *maivana*. 2°—, Maivamaivana, mora levona, malefaka, malemy, tsirangaranga. Repas —. Sakafo *maivamaivana*. Viandes légères. Hena *mora levona*. Vin —. Divay *malefaka*. Terre légère. Tany *malemy*. Sommeil —. Torimaso *tsirangaranga*. 3°—, Maivamaivana, maivan-tongotra, mailaka, kinga. Je me sens aujourd'hui plus — qu'à l'ordinaire. Reko *maivamaivana* kokoa ny tenako androany fa tsy tahaka ny andavanandro. Il marche d'un pied —. *Maivan-tongotra*, *maila*-pandeha izy. Il a la main légère. *Kinga* tánana izy. 4° *fig.* Kely, maivana, madinika. Corvée légère. Fanompoana *kely*, *maivana*. Douleur légère. Aretina *kely*, *maivana*. Il a une idée légère de cela. Mahalala izany *kelikely* hiany izy. Une faute légère. Fahotana *madinika*. Il traite un sujet —. Mandinika zavatra *madinika* izy. 5°—, Maivan-tsaina, maivandoha, manidintsidina, kely ati-doha. tsy voahevitra. Il a le caractère —. *Maivan-tsaina*, *manidintsidina* izy. Il a la tête légère. *Maivan-doha*, *kely ati-doha* izy. Parole légère. Teny *tsy voahevitra*. 6°—, Misononóka. Style —. Lahateny *misononóka*.

À la légère, *loc. adv.* 1° Maivana. Il est vêtu à la —. *Maivamaivana* ny fitafiany. 2° *fig.* Kitoatoa, mosalahy. Parler à la légère. Miteny *kitoatoa*, etc.

LÉGÈREMENT, *adv.* 1° Maivana. 2°—, Amim-pahamailahana, amin-kakingana, moramora tsara. Il marche —. *Mailapandeha* izy. Ce dessein est — fait. Natao *tamin-kakingana*, vita *moramora tsara* izany sary izany. 3° *fig.* Kely foana. Il a été blessé —. Naratra *kely foana* izy. 4°—, Kitoatoa, mosalahy, an-tsapatsapaka. Il a répondu —. Namaly *kitoatoa*, etc , izy.

LÉGÈRETÉ, *sf.* 1° Hamaivanana. 2°—, Fahamailahana, hakingana. 3° *fig.* Hakely. 4°—, Hamaivan-doha, tsy fiheverana, hadisoana kely. Ce sont des légèretés. *Hadisoana* kely izany. 5°—, Fisononóka.

LÉGION, *sf.* 1° Antoko-miaramila tamy ny Romana. 2°—, Antoko-miaramila. — d'honneur. *Antokon' olona* mahazo lakoraona avy amy ny fanjakana frantsay. 3° *fig.* Betsaka. Des légions d'anges. Anjely *betsaka*.

LÉGISLATEUR, TRICE, *s.* Mpanao lalána.

LÉGISLATIF, IVE, *adj.* 1° Manao lalána. Pouvoir —. Fahefana mba *hanao lalána*. Assemblée législative. Fivorian' ny *mpanao lalána*. 2°—, Araka ny la-

lána. Mesures législatives. Didy atao *araka ny lalána.*

LÉGISLATION, *sf.* 1° Fahefana hanao lalána. La — appartient au souverain. Ny mpanjaka no manam-*pahefana hanao lalána.* 2°—, Lalána. Une bonne—. *Lalána* tsara. Il est habile en —. Mahay ny *lalána* izy.

LÉGISTE, *sm.* Mpahay ny lalána.

LÉGITIMATION, *sf.* 1° Fandraisana zana-dranitra ho zanaka. 2°—, Fanamarinana.

LÉGITIME, *adj.* 1° Araka ny lalána, araka ny rariny, marina. Mariage —. Fanambadiana *araka ny lalána, marina.* Enfant —. Tena zanaka *marina.* Il a un sujet — de se plaindre de vous. Manana antony *marina* hitarainana izy noho ny nataonao. 2°—, Misy antony, — fotony. Sa douleur est —. *Misy antony,* etc., ny alahelony.

LÉGITIMEMENT, *adv.* Araka ny lalána, an-drariny, araka ny marina. Bien — acquis. Zavatra azo *an-drariny, araka ny marina.*

LÉGITIMER, *va.* 1° Mandray zana-dranitra ho zanaka. 2°—, Manamarina, mahamarina. Il a fait— ses pouvoirs. Nasainy *nohamarinina* ny fahefany, La dureté des parents ne saurait—l'ingratitude d'un enfant. Ny halozan' ny ray aman-dreny tsy *mahamarina* ny tsy ahavalian' ny zanaka fitia.

LÉGITIMITÉ, *sf.* Fahamarinana.

LEGS, *sm.* Zavatra atolotra amy ny farahafatra.

LÉGUER, *va.* 1° Manolotra. Il a légué mille piastres aux pauvres. Vola arivo no *natolony* ho any ny mahantra. 2° *fig.* Mampandova. Il a légué sa haine à son fils. *Nampandovainy* ny lolom-pony ny zanany.

Se léguer, *vpr.* Lovana.

LÉGUME, *sm.* Voan-javatra mitandahatra misy fonony hoatra ny tsaramaso, anana, hanin-kotrana, hani-mainty. Les brèdes sont un — excellent. Tena *anana* tsara ny anamamy. Il n'y a pas de meilleur — que la pomme de terre. Tsy misy *hanin-kotrana, hani-mainty* tsara hoatra ny ovimbazaha.

LÉGUMINEUX, EUSE, *adj.* et *s.* Mamoa mitandahatra misy fonony.

LÉMURIENS, *sm. pl.* Amboanala, babakoto, simpona, endrina.

LENDEMAIN, *sm.* Ampitso, ampitson' iny. Le — de ses noces. Ny *ampitson'* ny nampakarany vady. Pensez au—. Hevero ny *ampitso.* Ils partirent le —. Niala tamy ny *ampitson'iny* izy ireo. Il renvoie sans cesse au—. Manao *ampitso* lava izy.

LÉNIFIER, *va.* Manaketraka, manalefaka, mampitony.

LÉNITIF, IVE, *adj.* Manaketraka, etc. Comme ADOUCISSANT.

—, *sm.* 1° Fanafody manaketraka, etc. 2° *fig.* Fanalana alahelo.

LENT, ENTE, *adj.* Miadana, mitaredretra, mitavozavoza, milasilasy, mitsilasilasy, mitsiredareda, midanesaka, miadamohaka, votsa, tsy maika, maharitra ela. Il est — dans tout ce qu'il fait. *Miadana, mitaredretra, mitavozavoza, milasilasy, mitsilasilasy, mitsiredareda* amin' izay rehetra ataony izy. Il a une démarche lente. *Miadam*-pandeha, *votsa* fandeha, *midanesaka* izy. Il a la parole lente. *Miadam*-piteny izy, *miadamohaka* izy raha miteny. Il a un esprit —. *Votsa* saina izy. Il est — à punir. *Tsy maika* hankafay izy. Sa convalescence est lente. *Maharitra ela* ny fanaretany.

LENTE, *sf.* Atodihao.

LENTEMENT, *adv.* Amim-piadanadanana, amin-kavotsana.

LENTEUR, *sf.* Fiadanadanana, fitaredretra, fitavozavoza, filasilasy, fitsilasilasy, fitsiredareda, fidanesaka, havotsana, tsy fahamaikana, faharetana ela.

LENTICULAIRE, *adj.* Boribory mivohitra. Verre—. Fitaratra *boribory mivohitra.*

LENTILLE, *sf.* 1° Voan-javatra hoatra ny voanemba. 2°—, Fitaratra boribory mivohitra.

LÉOPARD, *sm.* Biby masiaka vandambandana, leoparda.

LÈPRE, *sf.* 1° Habokana. 2° *fig.* Le vice est une —. Hoatra ny *habokana* ny fahazaran-dratsy.

LÉPREUX, EUSE, *adj.* et *s.* Boka, ratsy hoditra, mavoin-tena.

LÉPROSERIE, *sf.* Trano fitsaboana boka.

LEQUEL, LAQUELLE, *pl.* **LESQUELS, LESQUELLES,** *pron. rel.* 1° Izay. Il m'a tenu un discours auquel je n'ai rien compris. Nilazany resaka *izay* tsy fantatro velively aho. 2°—, Iza. — aimez-vous le mieux de ces deux tableaux ? *Iza* no tianao kokoa amin' ireo sary roa ireo ?



LÈSE, *adj.* Manohitra. Crime de— majesté. Heloka be vava *manohitra* ny mpanjaka.

LÉSER, *va.* 1° Mahafaty antoka. Je crains de vous—. Matahotra aho fandrao *mahafaty antoka* anao. 2°—, Mandratra, mankarary. La poitrine est lésée. *Maratra, marary* ny tratra.

LÉSINE, *sf.* Fahihirana.

LÉSINER, *vn.* Mahihitra. Il lésine sur tout. *Mahihitra* amy ny zavatra rehetra izy.

LÉSINERIE, *sf.* Fahihirana.

LÉSION, *sf.* 1° Fatiantoka. 2°—, Ratra, aretina.

LESSIVE, *sf.* Ranon-davenona andoman-damba hosasana, fandomana amy ny ranon-davenona.

LESSIVER, *va.* Mandona amy ny ranon-davenona.

LEST, *sm.* Zavatra mavesatra fanamarenan-tsambo.

LESTAGE, *sm.* Fanisian-javatra mavesatra fanamarenan-tsambo.

LESTE, *adj.* 1° Mailaka, mavitrika, mivikiviky. Il marche d'un pas—. *Mailapandeha, mavitrika, mivikiviky* izy raha mandeha. 2° *fig.* Kinga, haingana. Il est—en affaires. *Kinga* amy ny raharaha, *haingam*-panao raharaha izy. 3°—, Tsy mety. Il est—dans ses propos. Manao resaka *tsy mety* izy.

LESTEMENT, *adv.* 1° Amim-pahamailahana, amim-pahavitrihana. 2° *fig.* Amin-kakingana, amin-kafainganana. 3° —, Tsy mety. Il m'a répondu—. Nanao valin-teny *tsy mety* tamiko izy.

LESTER, *va.* 1° Manisy zavatra mavesatra fanamarenan-tsambo. 2° *fig.* Se— l'estomac, se—. Mihinana.

LÉTHARGIE, *sf.* 1° Torimaso mafy avy amy ny aretina. 2° *fig.* Fitsikamokamo, fitsilamodamoka, tsy fihontsina.

LÉTHARGIQUE, *adj.* 1° Avy amy ny *léthargie.* 2° *fig.* Mitsikamokamo, mitsilamodamoka, tsy mihontsina.

LETTRE, *sf.* 1° Litera. L' a est la première —de l'alphabet. Ny a no *litera* voalohany amy ny alfabeta. || *loc.* Écrivez ce mot en toutes lettres. Sorato tanteraka io teny io. Écrivez ce chiffre en toutes lettres. Ataovy soratra io marika io. 2°—, Soratra, tarehin-tsoratra. Ces lettres sont trop menues. Manify loatra izany *soratra, tarehin-tsoratra* izany. 3°—, Teny. Il juge suivant la—de la loi. Mitsara araka ny *tenin'* ny lalàna izy. 4°—, Taratasy ampitondraina. Il m'a écrit une longue—. Nampitondra *taratasy* lava tamiko izy. J'ai reçu votre—. Efa azoko ny *taratasy nampitondrainao* ahy. — de change. Voy. CHANGE. —de créance. Voy. CRÉANCE. 5°—, *pl.* Fianarana, fahaizana mandaha-teny an-tsoratra na am-bava. Un homme sans lettres. Olona tsy *nianatra*, tsy nahita *fianarana*. Belles lettres. *Fahaizana mandaha-teny an-tsoratra na ambava.* Ce prince fit fleurir les lettres. Nampandroso ny *fahaizana mandahateny an-tsoratra na am-bava* izany mpanjaka izany.

À la lettre, *loc. adv.* Araka ny teny. Il traduit trop à la—. Mandika loatra *araka ny teny* izy.

LETTRÉ, ÉE, *adj.* et *sm.* Nianatra, nahita fianarana, mahay ny fomba fandaharan-teny an-tsoratra na am-bava. Un homme—. Olona *nianatra*, etc.

LEUR, *pron. pers.* Azy ireo. Il faut — donner leur part. Tokony homena *azy ireo* ny anjarany.

—, *adj. pos.* Ny. Les enfants doivent du respect à — père. Ny zanaka tsy maintsy hanaja ny rai*ny*.

—, *sm.* 1° Ny azy. Je ne veux pas le —. Tsy tia *ny azy* aho. 2°—, *pl.* Ankohonana, sakaiza. Ils travaillent pour eux et pour les leurs. Izy ireo miasa ho any ny tenany sy ho any ny *ankohonany*, etc.

LEURRE, *sm.* 1° Sarim-borona atao solovaika hiantsoana ny voromahery mihaza. 2° *fig.* Fitaka. On vous promet cet emploi, mais c'est un —. Ampanantenaina izany raharaha izany hianao, nefa *fitaka* izany.

LEURRER, *va.* 1° Miantso voromahery amy ny sarim-borona. 2° *fig.* Mamitaka.

Se leurrer, *vpr.* Fitahina.

LEVAIN, *sm.* 1° Lalivay, ranom-pototra. Pain sans —. Mofo tsy misy *lalivay.* — de bière. *Ranom-pototra* anaovana labiera. 2° *fig.* Fototra. Comme FERMENT.

LEVANT, *sm.* Atsinanana. Comme EST.

—, *adj.* Miposaka. Je serai là au soleil —. Ho tonga ao aho raha vao *hiposaka* ny masoandro.

LEVÉE, *sf.* 1° Fanesorana, fanalana. J'ai assisté à la — de l'appareil. Nanatrika ny *nanesorana*, ny *nanalana* ny fehim-pery aho. La première — est faite. *Voaesotra* indray mandeha tao amy ny

vata ny taratasy ampitondraina. 2°—, Fakana, famoriana, fanangonana. La — des soldats est terminée. Vita ny *fakana* miaramila. La — des impôts n'est pas encore faite. Mbola tsy *voavory*, tsy *voangona* ny hetra. || *loc*. Ils ont déjà trois levées (aux cartes). Nahafaty intelo sahady izy ireo. Faire la — d'un siège. Miala maina amy ny fanaovam-pahirano. Faire une — de boucliers contre quelqu'un. Mamoapoaka olona.

LEVER, *va*. 1° Manandratra, manondrotra, manainga, manentana, mambata, mampitraka, miandrandra, manarina, mampakatra. — les mains au ciel. *Manandra*-tánana amy ny lanitra. Levez votre manteau qui traîne. *Asondroty, aingao* ny kapaotinao fa mitarika. Cela est si pesant qu'on ne saurait le — de terre. Mavesatra loatra ity, ka tsy azo *aingaina, entanina, bataina*. — la tête. *Mampitraka* ny loha. — les yeux au ciel. *Miandrandra* ny lanitra. — un malade. *Manarina* marary. — l'ancre. *Mampakatra* vatofantsika. 2°—, Manesotra, manala. — la nappe. *Manesotra*, etc., ny lamban-databatra. — un obstacle. *Manesotra*, etc., sampona. 3°—, Maka, mamory, manangona, manao. — des troupes. *Maka* miaramila. — des impôts. *Mamory, manangona* hetra. — le plan d'une ville. *Maka* sary tanána, *manao* ny plan' ny tanána. || *loc*. — la séance. Mandrava fivoriana.—le siège. Miala maina amy ny fanaovam-pahirano. — le pied. Mitsoriaka, mandositra.—le masque. Tsy mena-milahatra, miharihary hoatra ny kary am-pamoloana. — boutique. Manomboka mivarotra.

—, *vn*. 1° Mitsimoka, mitrebona, mipoitra. Les blés commencent à —. *Mitsimoka*, etc., ny varim-bazaha. 2° —, Mivonto. La pâte lève. *Mivonto* ny kobandafarina.

Se lever, *vpr*. 1° Mitsángana, miala, mandringa. Quand il entra, tout le monde se leva. Nony vao niditra izy, dia niara-*nitsangana* avokoa ny olona. Levez-vous de là. *Mialá* eo hianao. Se — de table. *Miala* amy ny latabatra. Se—sur la pointe des pieds. *Mandringa*. 2°—, Miarina, mifoha. Il se porte mieux, mais il ne se lève pas encore. Efa tsaratsara kokoa izy, nefa tsy mbola *miarina*. Il est l'heure de se—. Tonga ny fotoam-*pifohazana*. 3°—, Miposaka, miseho. Le soleil se lève. *Miposaka*, etc., ny masoandro. Le vent se lève. *Miseho* ny rivotra.

LEVER, *sm*. 1° Fotoam-pifohazana. 2°—, Fiposahana.

LEVIER, *sm*. Fanoitra.

LÉVITE, *sm*. Levita.

—, *sf*. Akanjo vity.

LÈVRE, *sf*. 1° Molotra. Il a les lèvres minces. Tsintsa-*molotra* izy. Il le dit des lèvres, mais le cœur n'y est pas. An-tendro-*molotra* hiany no ilazany izany, fa tsy mba ao am-po. J'ai le mot sur le bord des lèvres. Eo an-tendro-*molotro* hiany ny teny. Désigner quelqu'un en allongeant les lèvres. Manondro *molotra* olona. Se mordre les lèvres. Manaiki-*molotra*; *fig*. manenina. 2°—, Vava. Les lèvres d'une plaie. Ny *vava* fery.

LÉVRIER, *sm*. Amboa lava vava mpihaza.

LEVURE, *sf*. Roatran-dabiera anaovana lalivay.

LÉZARD, *sm*. Androngo, sitry, antsiantsy, matahotrandro. Petit —. *Antsiantsy, matahotrandro*.

LÉZARDE, *sf*. Vaky, mitriatra, mitsefaka, miveraka, mivava.

LÉZARDÉ, ÉE, *adj*. Vaky, mitriatra, mitsefaka, miveraka, mivava. Muraille lézardée. Rindrina *vaky*, etc.

LIAISON, *sf*. 1° Fikambanana, fitambarana, fitohizana. On ne voit pas la—de ces planches. Tsy hita ny *ikambanana, itambaran'* ireto hazo fisaka ireto. — des lettres. *Fitohizan'* ny litera. 2° *fig*. Fitohizana, fifanarahana. Il n'y a aucune — entre ces deux idées. Tsy *mitohy, mifanaraka* velively ireo hevitra roa ireo. 3°—, Fisakaizana, fifankazarana, fikambanana, fitambarana, fifandraisana. Les mauvaises liaisons l'ont gâté. Simban'-ny *fisakaizana, fifankazaran*-dratsy izy. Il y a peu de — entre ces deux familles. Tsy *mifankazatra, mikambana, mitambatra, mifandrairay* loatra ireo fianakaviana roa ireo.

LIANE, *sf*. Vahy.

LIANT, ANTE, *adj*. Malemy paika, malemy fanahy.

—, *sm*. Halemem-paika, — panahy.

LIARD, *sm*. 1° Farantsa kely varahina taloha mitovitovy amy ny variroaventy. 2° *fig*. Il n'a pas un —. Tsy manam-bariraiventy izy. Je n'en donnerais pas un —. Tsy sahiko variraiventy akory izany.

LIASSE, *sf*. Fehezan-taratasy. — de lettres. *Fehezan-taratasy* ampitondraina.

LIBATION, *sf*. Fanindinan-divay aza-

vatra hafa ho fanajana an' Andriamanitra na ny sampy. 2° *fig.* Fisotroana.

LIBELLE, *sm.* Taratasy na boky misy fanalam-baraka.

LIBELLISTE, *sm.* Mpanoratra *libelle.*

LIBELLULE, *sf.* Angidina.

LIBÉRAL, ALE, *adj.* 1° Mahafoy be, manome be, tsy mikely soroka, mazava fo. Homme —. Olona *mahafoy be,* etc. 2° —, Tia fahalalahana amy ny fanjakana. Il a des principes libéraux. *Tia fahalalahana amy ny fanjakana* izy.

—, *sm.* Olona tia fahalalahana amy ny fanjakana.

LIBÉRALEMENT, *adv.* 1° Amin-kazavam-po. 2° —, Amin-kalalahana.

LIBÉRALISME, *sm.* Fitiavam-pahalalahana amy ny fanjakana.

LIBÉRALITÉ, *sf.* 1° Fahafoizana be, fanomezana be, hazavam-po. Il exerce sa — envers lui. *Mahafoy be* ho azy, *manome be* azy, *mazava fo* aminy izy. Il tient cela de votre —. Ny *hazavamponao* no nahazoany izany. 2° —, Fanomezana. Il n'est riche que de vos libéralités. Tsy manana afa-tsy ny *fanomezana* ataonao aminy izy.

LIBÉRATEUR, TRICE, *s.* Mpanafaka.

LIBÉRATION, *sf.* Fanafahana, fahafahana. — de l'État. *Fanafahan'* ny fanjakana trosa. — du territoire. *Fahafahan'* ny tanin-drazana.

LIBÉRÉ, ÉE, *p.* Afaka. Forçat —. Gadralava *afaka.*

LIBÉRER, *va.* Manafaka.

Se libérer, *vpr.* Manafa-tena, afa-trosa. Ce débiteur s'est enfin libéré. *Afa-trosa* io mpitrosa io tamy ny farany.

LIBERTÉ, *sf.* 1° Safidy. L'homme est doué de —. Manan-*tsafidy* ny olombelona. 2° —, Fahazakan-tena, fahafahana, fandefasana. L'homme aime la —. Tia *fahazakan-tena* ny olona. Il a perdu sa —. *Tsy mahazaka tena* intsony izy. Cet esclave a recouvré sa —. *Afaka, nalefa* io andevo io. Donner la — à un oiseau. *Mandefa* vorona. 3° —, Fahalalahana. Il y a — de commerce. *Malalaka* ny fivarotana. Il y a — des cultes. *Malalaka* ny fivavahana. Le gouvernement a octroyé des libertés à certaines villes. Ny fanjakana nanome *malalaka* ny tanána sasany. 4° —, Fanaranam-po, hasahiana, fihitsian-doha, fahatsorana, tsy fananosarotra. On jouit d'une grande — dans cette maison. Azo *anaranam-po* amin' io trano io. Il prend beaucoup de — avec ses supérieurs *Manaram-po* loatra, *sahy* loatra amy ny lehibeny izy. Il lui parla avec —. Niteny tamin-*kasahiana, nihitsy loha, tsotra* taminy izy. Il prend beaucoup de libertés. *Sahy* loatra izy. Il a une grande — de parole. *Tsy mananosarotra* akory izy raha miteny.

LIBERTIN, INE, *s.* et *adj.* 1° Miliba, manaram-po, akanga, angatra, angelingely. Il est devenu —. Tonga *mpiliba, anga*-dahy izy. C'est une libertine. Tena *akanga*vavy, *anga*-bavy, *angelingely* izy. 2° —, Vetaveta. Contes libertins. Tantara *vetavela.*

LIBERTINAGE, *sm.* Filibana, fanaranam-po, fitondran-tena ratsy.

LIBERTINER, *vn.* Miliba, manaram-po, mitondra tena ratsy.

LIBRAIRE, *sm.* Mpivaro-boky.

LIBRAIRIE, *sf.* 1° Fivarotam-boky. 2° —, Trano fivarotam-boky.

LIBRE, *adj.* 1° Manan-tsafidy. L'homme est —. *Manan-tsafidy* ny olona. 2° —, Mahazaka tena, afaka, olom-potsy, ambaniandro, folovohitra, hova, tsihibelambana. Il est — et ne dépend de personne. *Mahazaka tena* izy ka tsy fehezin'olona. Il est — d'inquiétudes. *Afaka* ahiahy izy. Il était prisonnier, mais à présent il est —. Taloha tao an-tranomaizina izy, fa izao *afaka.* Il était esclave, mais à présent il est —. Taloha izy ankizin'olona, fa izao *afaka, olom-potsy.* Il est de condition —. *Ambaniandro* izy. Homme — qui n'est pas noble. *Folovohitra, hova, tsihibelambana.* 3° —, Malalaka, arakeviny, tsy misy misakantsakana, tsy misy olona, foana. Le commerce est — dans ce pays. *Malalaka* ny fivarotana amin' izany tany izany. J'ai un peu de temps —, je suis —. *Malalaka* aho izao. Faites une traduction —. Ataovy *ara-keviny* ny fandikana azy. Les chemins sont libres. *Tsy misy* zavatra *misakantsakana* any an-dálana. Cette place est —. *Tsy misy olona, foana* io fitoerana io. 4° —, Azo anaranam-po, mifankahazo tsara, sahy, tsy mety, tsy mananosarotra. On est fort — dans cette maison. Azo *anaranam-po* amin' ity trano ity. Vous avez le champ —. Mahazo *manaram-po* hianao. Il a — accès auprès de lui. Mahazo *manaram-po* manatona azy izy. Il est — avec ses amis. *Mifankahazo* tsara amy ny sakaizany izy. Il tient des propos bien libres. Manao resaka *sahy* loatra, *tsy*

mety izy. Il a les mouvements libres. *Tsy mananosarotra* amy ny fihetsebana izy.

LIBREMENT, *adv.* 1° Amin-tsafidy. 2° —, Amim-pahalalahana. 3°—, Amin-kasahiana, amim-pahatsorana.

LICE, *sf.* 1° Kianja fifanalana hazakazaka. Entrer en —. Manomboka *hifanala hazakazaka.* 2° *fig.* Ady hevitra. Il n'a point osé entrer en — avec lui. Tsy sahy *niady hevitra* taminy izy.

LICENCE, *sf.* 1° Lálana. Il a obtenu une —pour un débit de tabac. Nahazo *lálana* hivaro-paraky izy. 2°—, Hasahiandoatra, filibana, fanaranam-po, fitondran-tena ratsy. Il prend chaque jour de nouvelles licences. Mitombo *hasahian-doatra* isan'andro izy. Un bon roi doit réprimer la —. Ny mpanjaka tsara tsy maintsy misakana ny *filibana,* ny *fanaranam-po,* ny *fitondran-tena ratsy.* 3°—, Ambaratonga faharoa amy ny oniversity.

LICENCIÉ, *sm.* Ny nahazo ny fitomboky ny ambaratonga faharoa amy ny oniversity.

LICENCIEMENT, *sm.* Fanafahana ho borozano.

LICENCIER, *va.* Manafaka ho borozano, mamela —. On a licencié des troupes. *Afaka ho borozano, navela ho borozano* ny miaramila sasany.

LICENCIEUSEMENT, *adv.* Vetaveta.

LICENCIEUX, EUSE, *adj.* Vetaveta, tsy manjary, miliba, manaram-po loatra, mitondra tena ratsy. Discours—. Resaka *vetaveta, tsy manjary.* Il mène une vie licencieuse. Manao fitondran-tena *vetaveta, tsy manjary* izy, *miliba, manaram-po loatra, mitondra tena ratsy* izy.

LICHEN, *sm.* Hola-kazo, volom-bato.

LICITATION, *sf.* Fanaovana lavantin' ny zavatra saro-jaraina.

LICITE, *adj.* Mety, azo atao, an-drariny. C'est une chose —. Zavatra *mety,* etc., izany. Gain —. Tombom-barotra *an-drariny.*

LICITEMENT, *adv.* Araka ny mety, araka ny rariny.

LICITER, *va.* Manao lavantin'ny zavatra saro-jaraina. On fait—cette maison. Asaina *atao lavanty* io trano io, fa *saro-jaraina.*

LICOU ou **LICOL,** *sm.* Fatoram-biby, kofehim-bozon-tsoavaly. Ce cheval a rompu son licou. Nanapa-*patorana, kofehy* io soavaly io.

LIE, *sf.* 1° Faika. — de vin *Faikan*-divay. 2° *fig.* Tsaika, faika, fako. C'est un homme de la — du peuple. *Tsaika, faika, fakon'* olona izy. ‖ *loc.* Boire le calice jusqu'à la —. Miaritra fahoriana hatramy ny farany.

LIÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Voafeby, nofehezina, mifehy, voafatotra, nafatotra, mifatotra. 2°—, Voakambana, nakambana, tafakambana, mikambana, voatambatra, natambatra, tafatambatra, mitambatra, voatohy, natohy, mitohy. 3° *fig.* Nampifanarahina, nifanekena, 4°—. Nampiraisina, tafaray, miray. 5°—, Voatana, notanana, voahazona, nohazonina, voagia, nogiazana, voasakana, nosakanana.

LIÈGE, *sm.* Hodi-kazo fanao bosoa.

LIEN, *sm.* 1° Kofehy, gadra, fatorana. Le—d'une gerbe. Ny *kofehin'* amboara. —de fer. *Gadra.* Il était dans les liens. *Nigadra, nifatotra* izy. La fête de S[t] Pierre aux liens. Ny fetiny Md. Piera *voagadra.* 2° *fig.* Fanandevozana. Il a rompu ses liens. Afaka amy ny *fanandevozana* izy. 3°—, Zavatra mampikambana, — mampitambatra, — mampiray. Les lois sont les liens de la société civile. Ny lalána no *ikambanana, itambarana, iraisan'* ny olona ao amy ny fanjakana.

LIER, *va.* 1° Mamehy, mifehy, mamatotra, mandrohy, mangaraka. —un paquet. *Mamehy, mifehy* entana. —un fou. *Mamatotra* adala. Voy. ATTACHER. 2°—, Mampikambana, mampitambatra, mampitohy. La chaux lie les pierres. Ny sokay *mampikambana, mampitambatra* ny vato. Liez les lettres. *Ampitohizo, atohizo* ny litera. 3° *fig.* Mampitohy, mampifanaraka, mifanaiky, manangana. Il ne lie pas bien ses idées. Tsy *mampitohy, mampifanaraka* tsara ny heviny izy. Ils ont lié une partie de promenade. *Nifanaiky* hitsangantsangana izy ireo. Ils ont lié conversation. *Nifanangan*-dresaka izy ireo. 4°—, Manakambana, manambatra, mampiray. C'est le sang et l'amitié qui les lient. Ny fihavanana sy ny fifankatiavana no *manakambana, manambatra, mampiray* azy ireo. 5°—, Mitana, mihazona, mangia, mamatotra, misakana. Son serment le lie. *Tánana, hazonina, giazan'* ny fianianana nataony izy. Sa parole le lie. *Voatana, voahazona, voafatotry* ny vavany izy. Le respect m'a lié la langue. Ny fanajana no *nisakana* ahy tsy hiteny.

Se lier, *vpr.* 1° Mamato-tena. 2°—, Mikam-

bana, mitambatra, mitohy. 3° *fig.* Mitohy, mifanaraka, mifanaiky. 4°—, Mamehy tena. Il s'est lié par un vœu. *Namehy tena* tamy ny voady izy.

LIEU, *sm.* 1° Tokotany, toerafia, fitoerana, fonenana, fari-tany, vaky, tany, trano. Voilà le — où s'élèvera le palais. Itsy ny *tokotany* hanorenana ny lapa. Un— de récréation. *Tokotany* filalaovana. Mettez chaque chose en son—. Samy ataovy amy ny *toerany, fitoerany* avy ny zavatra rehetra. C'est le plus beau — du monde. *Fitoerana* mahafinaritra indrindra izany. Il change souvent de —. Mifindra *fonenana* matetika izy. En quel — habite-t-il? Ao amy ny *fari-tany, vakin'* aninona, aiza ho aiza no itoerany? C'est le — où il est né. Izany no *tany* nahaterahany. Les saints lieux. Ny *tany* masina. — où l'on rend la justice. *Trano* fitsarana. Le — saint. Ny *trano* leglizy. Voy. Endroit. || *loc.* En premier —, en second —, en dernier —. Voalohany, faharoa, farany. Tenir — de... Misolo. Il m'a tenu — de père. *Solon'* ikaky izy. Avoir—. Misy, miseho. Cet assassinat a eu — l'an dernier. Taona itsy no *nisiana, nisehoan'* izany vonoana olona izany. 2° *fig.* Tokony, fotony, antony. Ce n'est pas ici le — de parler de cela. Tsy eto no *tokony* hilazana izany. Il y a—de délibérer. *Tokony* hodinihina izany, misy *fotony, antony* handinihana izany. 3°—, *pl.* Trano, tokotany, izay niposahan-javatra. Il a visité les lieux. Nitsirika ny *trano, tokotany* izy. La police s'est transportée sur les lieux. Tonga tao amin'*izay niposahan'* izany ny polisy. 4°—, Garaba, trano kely, trano fivoahana.

Au lieu de, *loc. prép.* Ho solo. Cet esclave servira au — de tel autre. Ity ankizilahy ity hanompo *ho solon*-dranona.

Au lieu que, *loc. conj.* Kanjo.

LIEUE, *sf.* 1° Lálana tokony ho metatra efatra arivo 2° *fig.* Vous en êtes à cent lieues. Tsy fantatrao velively izany. Cela est à mille lieues de ma pensée. Lavitry ny saiko izany. Je vous ai senti d'une—. Efa azoazoko fa ho tonga hianao.

LIEUR, EUSE, *s.* Mpifehy vary.

LIEUTENANCE, *sf.* Raharahan' ny lefitra.

LIEUTENANT, *sm.* Lefitry ny kapiteny, lefitra. Le capitaine et son —. Ny kapiteny sy ny *lefiny*. Le — colonel. Ny *lefitry* ny koranely.

LIÈVRE, *sm.* 1° Biby dia mitovitovy amy ny bitro, bitrodia. 2° *fig.* Courir deux lièvres à la fois. Miloloha rano roa siny. Il est peureux comme un—. Sarotahotra izaitsizy izy. Il a une mémoire de —. Maty arika izy.

LIGAMENT, *sm.* Hozatra manakambana ny taolana, hozatra manodidina ny aty, ny fo, etc.

LIGAMENTEUX, EUSE, *adj.* Hozatina, mitsiratsiraka. Comme Fibreux.

LIGATURE, *sf.* Fehy, famehezana. La — de l'artère a été bien faite. Tsara *fehy* ny artera, tsara ny *namehezana* ny artera.

LIGNAGE, *sm.* Firazanana. Il est de haut —. Avo *razana* izy.

LIGNE, *sf.* 1° Tsipika. — droite. *Tsipika* mahitsy. || *loc.* — de démarcation. Voy. Démarcation. Passer la—. Mamaky ny ekoatora. —télégraphique. Telegrafy mitohitohy amy ny vohitra samihafa. Il a toujours suivi la — du devoir. Nanaraka ny fitsipiky ny rariny mandrakariva izy. Ces deux orateurs sont sur la même—. Mitovy ireo mpandaha-teny roa lahy ireo. Il est en première—. Voalohany izy. Il est hors—. Tsy azo anoharana izy. 2°—, Andalan-tsoratra, laharan-tsoratra. Il y a vingt lignes à chaque page. Misy *andalan-tsoratra,* etc., roapolo avy isam-pejy. || *loc.* Aller à la —. Manomboka andininy hafa. Je vous écrirai deux lignes pour vous prévenir de mon arrivée. Teny indraim-bava monja no hosoratako aminao hilaza ny hahatongavako. Écrivez ceci en — de compte. Soraty ho isan'ny zavatra novidiko izany. 3°—, Tady, fintana. Tirer une muraille à la—. Manitsy ampiantany amy ny *tady.* Marquer le bois à la —. Manamarika hazo amy ny *tady.* Pêcher à la—. *Mamintana,* manjono. Jeter la—. Manipy *fintana.* —dormante. *Fintana* misy bosoa. 4°—, Laharana, sosona. Rompre la—. Mamaky *laharana.* L'armée marchait en—. Nandroso *nilahatra* ny tafika. Troupe de—. Miaramila *fandahatra* hiady. 5°—, Hady fiarovana, manda. Attaquer les lignes. Mamely ny *hady fiarovana,* etc. Lignes d'approche. *Hady, manda* ataon' ny mpanao fahirano. 6°—, Taranaka.— directe. Tena *taranaka.* Voy. Direct.

LIGNÉE, *sf.* Taranaka. Il a une nombreuse—. Maro *taranaka* izy.

LIGNEUL, *sm.* Kofehy voasavoka.

LIGNEUX, EUSE, *adj.* Mitovitovy amy ny hazo. Plante ligneuse. Zava-maniry *mitovitovy amy ny hazo.*

LIGUE, *sf.* 1° Fiandanian' ny fanjakana maro. 2°—, Firaisan-tetika, teti-dratsy, teti-be, fifokoana.

LIGUER, *va.* Mampiandany. Il ligua les princes chrétiens contre les Musulmans. *Nampiandany* ny mpanjaka kristiana hanobitra ny Silamo izy.

Se liguer, *vpr.* 1° Miandany. 2° *fig.* Miray tetika, mikaon-doha, mifoko. Il se ligua avec les mécontents pour exciter une sédition. *Niray tetika,* etc., tamin' izay sosotra izy mba hampikotankotana ny vahoaka.

LILAS, *sm.* Hazo mitovitovy amy ny voandelaka.— de Perse. *Voandelaka, lelaka,* hazondriaka.

LILIACÉE, *sf.* et *adj.* Zava-maniry mitovitovy amy ny lisy.

LIMACE, *sf.* Lelosy.

LIMAÇON, *sm.* Sifotra an-tanety.

LIMAILLE, *sf.* Tain-tsofa.

LIMBES, *sm. pl.* Limby.

LIME, *sf.* Tsofam-by. Passez la—sur cette clef. *Tsofao* kely io fanalahidy io.

LIMER, *va.* 1° Manatsofa. 2° *fig.* Mandrindra. Il a bien limé son discours. *Narindrany* tsara ny laha-teniny.

LIMIER, *sm.* 1° Karazan' amboa mpibaza makadiry. 2° *fig.*— de police. Drakadraka.

LIMITATION, *sf.* Famerana. Il s'engage à payer la somme sans—de temps. Manaiky handoa ny vola izy nefa tsy manisy *fetr'* andro.

LIMITE, *sf.* 1° Faritra, fangitra, valamparihy, fetra. La rivière sert de —à ma propriété. Ny renirano no *faritra, fangitra, fetran'* ny taniko. 2° *fig.* Fetra. Son ambition est sans limites. Tsy misy *fetra* ny fitsiriritany voninahitra. Comme Borne.

LIMITER, *va.* 1° Mamaritra, mamangitra, mametra. 2° *fig.* Mametra, manisy fetra. On a limité ses pouvoirs. *Noferana, nasiana fetra* ny fahefany.

Se limiter, *vpr.* Mahalala fetra.

LIMITROPHE, *adj.* Manolotra, mifanolotra. Cette province est—de la France. *Manolotra* any Frantsa, *mifanolotra* aminy Frantsa izany fari-tany izany.

LIMON, *sm.* 1° Dilatra, fotaka. La rivière dépose du—. Mitondra *dilatra,* etc., ny renirano. 2°—, Ila tanan-tsarety. 3°—, Voasary makirana, voasary mandina. 4° *fig.* Tany. Nous sommes formés du même—. Samy noforonina avy tamy ny *tany* avokoa isika rehetra.

LIMONADE, *sf.* Limonady.

LIMONADIER, IÈRE, *s.* Mpivarotra limonady.

LIMONEUX, EUSE, *adj.* Be dilatra, be fotaka. Eau limoneuse. Rano *be dilatra,* etc.

LIMONIER, *sm.* 1° Soavaly fametraka ao amy ny tanan-tsarety. 2°—, Foto-boasary makirana.

LIMONIÈRE, *sf.* Tanan-tsarety.

LIMPIDE, *adj.* Madio, mangarangarana, mangalahala. Source —. Loharano *madio,* etc.

LIMPIDITÉ, *sf.* Hadio, fangarangarana, fangalahala.

LIMURE, *sf.* Fanatsofana.

LIN, *sm.* Rongonim-bazaha madinika, lamba rongonim-bazaha madinika.

LINCEUL, *sm.* Lamba famonosam-paty, lambamena.

LINÉAIRE, *adj.* Atao amy ny tsipika. Dessin—. Fanaovan-tsary *amy ny tsipika.*

LINÉAMENT, *sm.* 1° Tokotanin-tarehy. Les linéaments du visage. Ny *tokotanin-tarehy.* 2°—, Ambangovangony. Les linéaments d'un ouvrage. Ny *ambangovangon'* ny boky anankiray.

LINGE, *sm.* Lamba, fitafiana, akanjo. Blanchir du—. Manasa *lamba,* etc. Essuyer avec un—. Mamaoka amy ny *lamba.* Il a beaucoup de—. Be *fitafiana, akanjo* izy.

LINGER, ÈRE, *s.* Mpitahiry lamba, — fitafiana.

LINGERIE, *sf.* Efi-trano fitahirizandamba, — fitafiana.

LINGOT, *sm.* Anjaka, akora.— d'or. *Anja*-bolamena, *akoram*-bolamena.

LINGUAL, ALE, *adj.* 1° Amy ny lela. Nerf—. Hozatra *amy ny lela.* 2°—Tononina amy ny lela. Consonnes linguales. Renisoratra *tononina amy ny lela*

—, *sf.* Renisoratra tononina amy ny lela.

LINGUISTE, *sm.* Mpandinika ny fombam-pitenenana amy ny fiteny samihafa.

LINGUISTIQUE, *sf.* Fandinihana ny

fombam-pitenenana amy ny fiteny samihafa.

LINIMENT, *sm.* Fanafody ahosotra.

LINOTTE, *sf.* 1° Karazam-boron-kely. 2° *fig.* Olona marivo saina, — salosina.

LINTEAU, *sm.* Tataom-baravarana.

LION, LIONNE, *s.* 1° Liona. 2° *fig.* Olona mahery fo, — voaivoay.

LIONCEAU, *sm.* Zana-diona.

LIQUÉFACTION, *sf.* Fiempoane.

LIQUÉFIER, *va.* Mampiempo, mampihananankanana. Le feu liquéfie le plomb. Ny afo *mampiempo* etc., ny firaka.

Se liquéfier, *vpr.* Miempo, mihananankanana.

LIQUEUR, *sf.* 1° Zavatra mihananankanana. 2° —, Zavatra fisotro, toaka, lalikera.

LIQUIDATEUR, *adj.* et *sm.* Mpandamina fanilihan-trosa.

LIQUIDATION, *sf.* Fanilihana, fanefana, fandaminana. Il travaille à la — de ses comptes. *Mandamina* ny miditra sy ny mivoaka izy.

LIQUIDE, *adj.* 1° Hoatra ny rano, mitoedrano, mihananankanana, matsora. Les corps liquides. Ny zavatra *hoatra ny rano, mitoe-drano, mihananankanana.* Ce breuvage est trop —. *Matsora* loatra izany fisotro izany. 2° *fig.* Afa-karatsaka. Il a cent mille francs net et —. Manana ariary roa alina *afa-karatsaka* izy.

—, *sm.* 1° Zavatra mihananankanana. 2° —, Zavatra fisotro. Droits sur les liquides. Haba alaina amy ny *zavatra fisotro.* Coupez le lait avec un autre —. Tampohy *zavatra fisotro* hafa ny ronono.

LIQUIDER, *va.* Manilika, manefa, mandamina fanilihan-trosa. Il a liquidé ses dettes. *Nanilika, nanefa* trosa izy. Il liquide son bien. Mivaro-javatra sasany mba *hanilihany ny trosany* izy.

Se liquider, *vpr.* Manili-trosa, manefa trosa.

LIQUIDITÉ, *sf.* Fihananankanana.

LIQUOREUX, EUSE, *adj.* Mamy hoatra ny lalikera. Vin —. Divay *mamy hoatra ny lalikera.*

LIQUORISTE, *s.* Mpanao na mpivarotra lalikera.

LIRE, *va.* 1° Mamaky teny, mamaky. Il ne sait pas —. Tsy mahay *mamaky teny,* etc., izy. Il lit l'histoire romaine. *Mamaky* ny tantaran' ny Romana izy. 2° *fig.* Mahalala, mahafantatra, mahita, mamaky eritreritra. Il lit dans l'avenir. *Mahalala, mahafantatra, mahita* ny ho avy izy. Je lis sur votre visage que vous êtes mécontent. *Hitako* amy ny tarehinao fa sosotra hianao. — dans la pensée de quelqu'un. *Mamaky eritreritra* olona.

LIS, *sm.* Lisy. Le — est le symbole de la pureté. Ohatra amy ny fahadiovam-po ny *lisy.*

LISÉRÉ, *sm.* Ribá atao sisina, sisina. — d'or. *Ribá* volamena *atao sisin*-javatra. Ce mouchoir a un — rose. Misy *sisina* mavokely ity mosara ity.

LISERON, *sm.* Tsingovihovy, sarisarimbomanga.

LISEUR, EUSE, *s.* Mpamaky boky maro.

LISIBLE, *adj.* Azo vakina.

LISIBLEMENT, *adv.* Azo vakina.

LISIÈRE, *sf.* 1° Sisina. Lever les lisières d'un drap. Manaisotra ny *sisin*-dopótra. 2° —, Tady itantanana ny zaza kely atao talaky mandeha. 3° *fig.* Sisina, morona. Le village est sur la — de cette province. Ao an-*tsisin'* ity fari-tany ity ny tanàna. Ma maison est sur la — de la forêt. Ao *amoron'* ala ny tranoko.

LISSE, *adj.* Malama, malambolambo, tsotra. Papier —. Taratasy *malama, malambolambo.* Il a les cheveux lisses. *Tso*-bolo izy.

—, *sf.* Haraka. Bâton qui soutient les lisses. Vovonan-*karaka.* Faire passer les fils de la chaîne dans les lisses. *Mangara*-tenona.

LISSER, *va.* Mandama, mandambolambo.

LISSOIR, *sm.* Fandamana, fandambolamboana.

LISTE, *sf.* Rojistra. Comme CATALOGUE. ‖ *loc.* — civile. Vola eken' ny parlementa homena ny mpanjaka isan-taona.

LIT, *sm.* 1° Farafara, fandriana, lafika. Dresser un —. Manangana *farafara.* Il est mort dans son —. Maty tao am-*pandriany* izy. Il garde le —. Mihonaka ao am-*pandriana* izy. Il était sur son — de mort. Narary be tao am-*pandriana* izy, narary be tambany tsihy, efa ho faty tamin'izay izy. Un lit de fer. *Farafara* vy. J'ai un — bien dur. Mafy loatra ny *fandriako, lafiko.* Faire le —. Manamboatra *fandriana.* 2° —, Mason' ony, mason-drano, lá-

lan-drano. Le — de cette rivière est peu profond. Marivo ny *mason-drano* amin' ity renirano ity. Cette rivière change souvent de —. Miova *lálana* matetika io renirano io. 3° *fig.* Vady. Il a deux enfants du premier —. Roa no zanany tamin' ilay *vadiny* voalohany.

LITANIES, *sf. pl.* 1° Litany. 2° *fig. sing.* Fitanisana. Il nous a fait une longue litanie de ses plaintes. *Notanisainy* taminay ny fahoriany rehetra.

LITEAU, *sm.* Vakin-kazo atao filiro.

LITERIE, *sf.* Fombam-pandriana.

LITHOGRAPHE, *sm.* Mpanonta amy ny vato.

LITHOGRAPHIE, *sf.* Fanontana amy vato, zavatra natonta tamy ny vato.

LITHOGRAPHIER, *va.* Manonta amy ny vato.

LITIÈRE, *sf.* 1° Lafika. Faire la — aux chevaux. Manamboatra *lafi*-tsoavaly. 2° *fig.* Fandriana. Être sur la —. Mihonaka ao am-*pandriana.*

LITIGE, *sm.* Ady, fifandirana. Cette terre est en —. *Iadiana, ifandirana* izany tany izany.

LITIGIEUX, EUSE, *adj.* 1° Iadiana, ifandirana. 2° —, Tia ady, tia fanditra. Esprit —. Olona *tia ady,* etc.

LITRE, *sm.* Eran' ny tavoahangy laposety.

LITTÉRAIRE, *adj.* Momba ny fahaizana mandaha-teny an-tsoratra na ambava.

LITTÉRAL, ALE, *adj.* Tena hevitry ny teny, araka ny teny, araka ny teny tsirairay. Voici le sens — de ce passage. Izao no *tena hevitr'* ireo teny ireo. Traduction littérale. Dikan-teny *araka ny teny tsirairay.*

LITTÉRALEMENT, *adv.* Araka ny tena hevitry ny teny, araka ny teny, araka ny teny tsirairay.

LITTÉRATURE, *sf.* Fahaizana mandaha-teny an-tsoratra na am-bava.

LITTORAL, ALE, *adj.* Ao amoron-dranomasina.

—, *sm.* Ny ao amoron-dranomasina. Le — de la France. *Ny ao amoron-dranomasina* any Frantsa.

LITURGIE, *sf.* Fomba fandaharam-pivavahana.

LITURGIQUE, *adj.* Momba ny fandaharam-pivavahana. Ouvrage —. Boky *momba ny fandaharam-pivavahana.*

LITURGISTE, *sm.* Mpahay ny fomba fandaharam-pivavahana.

LIVIDE, *adj.* Mangana, mivolom-balala maty, hatsatra. Teint—. Tarehy *mangana,* etc.

LIVIDITÉ, *sf.* Hamangana, fivolombalala maty, hahatsatra.

LIVRABLE *adj.* Azo atolotra. Marchandise—immédiatement. Varotra *azo atolotra* vetivety.

LIVRAISON, *sf.* 1° Fanoloram-barotra. 2° —, Tapa-boky avoaka tsikelikely. Publier un ouvrage par livraisons. *Mamoaka boky tsikelikely.* La première — de ce dictionnaire vient de paraître. Vao navoaka ny *tapa-boky* voalohany amin' izany diksionary izany.

LIVRE, *sm.* 1° Boky. Composer un —. Mamorona *boky.* Livres de commerce. *Boky* fanoratam-barotra. —journal. *Boky* fanoratana ny miditra sy ny mivoaka isan' andro. — de prière. *Boky* fivavahana. 2° —, Fizarana. L'ouvrage est divisé en douze livres. Misy *fizarana* roa amby ny folo ny boky.

À livre ouvert, *loc. adv.* Tsy an-kifidy. Traduire à livre ouvert. Mandika teny *tsy an-kifidy* amy ny boky anankiray.

LIVRE, *sf.* Livatra, lanjana diman-jato grama. Il porte quatre-vingt livres. Mitondra valopolo *livatra* izy.

LIVRÉ, ÉE, *p.* Voatolotra, natolotra, nafoy, navela.

LIVRÉE, *sf.* 1° Fitafiana mitovy fitondran'ny mpanompon'ny mpanan-karena. 2° *fig.* Famantarana. Il porte la — de la misère. Hita ao amy ny tenany ny *famantaran'* ny fahantrana.

LIVRER, *va.* Manolotra, mamoy, mamela. Je vous livrerai l'habit dans quinze jours. *Hatolotro* anao ny akanjo raha afaka tapa-bolana. Il m'a livré le cheval pour cinquante piastres. *Nafoiny* ho ahy dimam-polo vola ny soavaly. Livrez le voleur à la justice. *Atolòry* amy ny fanjakana ny mpangalatra, atosebo ny mpangalatra. Judas livra son Maître aux Juifs. Jodasy *nanolotra* ny Tompony tamy ny Jody. Le général livra la ville au pillage. *Nafoy, navelan'* ny jeneraly horobain' ny miaramila ny tanána. ‖ *loc.* — bataille. Mandrafitra ady. — un assaut. Manani-bohitra.

Se livrer, *vpr.* 1° Manolo-tena, mitolo-ba-



tana, mahafoy tena, manaraka, manarana, miondrika, matoky. Jésus-Christ s'est livré sur la croix pour nous. *Nanolo-tena, nahafoy tena* ho antsika teo amy ny hazo-fijaliana Jeso-Kristy. Se — à l'ennemi. *Mitolo-batana* amy ny fahavalo. Se — aux plaisirs. *Manaram*-po, *manaram*-batana. Se — à la paresse. *Manaran*-daina. Se — à ses passions. *Manaraka* ny filan-dratsiny. Se — à la douleur. *Miondrika* amy ny alahelo. Il s'est livré à des gens qui l'ont trahi. *Natoky* ny olona izay namadika azy izy. 2°—, Milozoka, mimaso, mifositra, mifototra. Comme S'ADONNER.

LIVRET, *sm*. Boky kely filazana ny toetry ny mpiasa, ny mpanompo, etc.

LOCAL, *sm*. Trano, tokotany. Le — de cette imprimerie est trop resserré. Ety loatra izany *trano, tokotanim*-printy izany.

LOCAL, ALE, *adj*. Amy ny tany anankiray, amy ny tanána anankiray. Coutume locale. Fanao *arahina amy ny tany anankiray*, fomban-*tany*. Les autorités locales. Ny lehiben' ny *tanána anankiray*. || *loc*. Mémoire locale. Fahatsiarovana ny zavatra efa hita.

LOCALISER, *va*. Manangona aretina. —le mal. *Manangona* aretina.

Se localiser, *vpr*. Miangona, mifaritra. Le mal se localise. *Miangona, mifaritra* ny aretina.

LOCALITÉ, *sf*. Tany, tanána. Je ne connais pas cette —. Tsy fantapantatro izany *tany, tanána* izany.

LOCATAIRE, *s*. Mpanofa trano. — principal. *Mpanofa trano* mampanofa amin' olon-kafa.

LOCATION, *sf*. 1° Fanofana, fampanofana. 2°—, Hofan-trano, —tsoavaly, etc.

LOCH, *sm*. Zavatra amantarana ny hafainganan-tsambo.

LOCOMOBILE, *sf*. Sarety ampandehanin' ny sitimo.

LOCOMOTEUR, TRICE, *adj*. Mampihetsika. Muscles locomoteurs. Hozatra *mampihetsika*.

LOCOMOTIF, IVE, *adj*. Momba ny fifindran-toerana. Presque tous les animaux sont doués de la faculté locomotive. Saika mahazo *mifindra toerana* avokoa ny biby rehetra.

LOCOMOTION, *sf*. Fifindran-toerana.

LOCOMOTIVE, *sf*. Kalesy sitimo mitarika ny kalesy amy ny lalam-by.

LOCUTION, *sf*. Fombam-pitenenana. Une — nouvelle. *Fombam-pitenenana* vaovao.

LOGE, *sf*. 1° Trano, efi-trano. Le portier est dans sa —. Ao an-*tranony* ny mpiandry vavahady. La — d'un lion. Ny *trano* fametrahana liona. Le fou s'est échappé de sa —. Afa-nandositra tao amy ny *efi-tranony* ny adala. 2°—, Fivorian' ny framasao. 3° —, Efitrefitra, tranotrano. Voy. CELLULE.

LOGÉ, ÉE, *adj*. 1° Mitoetra. Il est—au rez-de-chaussée. *Mitoetra* ao an-tany izy. 2° *fig*. Nous voilà bien logés. Voa ity isika.

LOGEABLE, *adj*. Azo itoerana. La maison n'est pas —. Tsy *azo itoerana* ny trano.

LOGEMENT, *sm*. Trano, fonenana, fitoerana. Où est son —? Aiza ny *tranony*, etc?

LOGER, *vn*. Mitoetra. Il loge à l'hôtel. *Mitoetra* ao amy ny tranom-bahiny izy. Il loge au premier. *Mitoetra* ao amy ny rihana ambany indrindra izy. || *loc*. — à la belle étoile. Mandry eny alatrano, ankalamanjana, mandry an-tsaha.

—, *va*. Mampitoetra, mametraka. Où logerez-vous ces étrangers ? Aiza no *hampitoeranareo, hametrahanareo* ireo vahiny ireo ? — ses livres. *Mametraka* ny bokiny.

Se loger, *vpr*. Mitoetra, mipetraka. Il s'est logé dans un hôtel. Lasa *nitoetra, nipetraka* ao amy ny tranom-bahiny izy. La balle s'est logée dans le bras. *Nitoetra* tao amy ny sandriny ny bala'nahavoa azy.

LOGICIEN, *sm*. Mpahay lojika, mahay manaporofo.

LOGIQUE, *sf*. Lojika, fahaizana manaporofo, fifanarahan-kevitra. Il a de la—, *Mahay manaporofo* izy, *mifanaraka ny heviny* samihafa. Il n'y a point de— dans cet ouvrage. Tsy *mifanaraka ny hevitra* samihafa amin' ity boky ity.

—, *adj*. Araka ny lojika.

LOGIQUEMENT, *adv*. Araka ny lojika.

LOGIS, *sm*. 1° Trano. Le maître du—. Ny tompon-*trano*. Corps de—. Voy. CORPS. 2°—, Tranom-bahiny. Voilà un bon—. Itsiana *tranom-bahiny* tsara.

LOI, *sf*. 1° Lalána, didy. Promulguer une —. Mamoaka *lalána* anankiray. Consulter un homme de—. Maka hevitra

amin' olona mahay *lalána*. La — ancienne. Ny *lalána* taloha. La— nouvelle. Ny *lalána* vaovao. Les lois de la grammaire. Ny *lalán'*ny gramara. Dans les langues vivantes, l'usage fait—. Amy ny fiteny mbola tenenina tonga *lalána* ny fombam-pitenenana mahazatra. Il se fait une— de se promener tous les soirs. Naraikiny hoatra ny *didy* ho azy ny mitsangantsangana isan-kariva. Il veut faire la — partout. Ta-*handidy* hatraiza hatraiza izy. 2°—, Fahefana, fandidiana, fanapahana. Alexandre rangea l'Asie sous sa—. Aleksandra namory any Azia ho ao ambanin' ny *fahefany*, etc.

LOIN, *adv.* 1° Lavitra. Il demeure—. *Lavitra* ny toerany. 2° *fig.* Lavitra, ambony, loatra, ela. Pas à pas on va—. Lasa *lavitra* izay mandroso tsikelikely. Il voit— dans l'avenir. Hitany ny ho avy raha mbola *lavitra*. Ce jeune homme a de l'esprit, il ira—. Be saina ity tovolahy ity, ka tsy maintsy hisondrotra *ambony*. Il pousse —son ressentiment. Tafahoatra *loatra* ny lolom-pony. Il est malade, il n'ira pas—. Marary izy ka tsy ho *ela* velona intsony. Il ne le portera pas—. Tsy ho *ela* dia hivaly ny ratsy nataony.

Au loin, *loc. adv.* Lavitra.

De loin, *loc. adv.* 1° Lavitra. Il vient de—. Avy *lavitra* izy. 2° *fig.* Je le vois venir de —. Takatro ny heviny na dia miolakolaka aza izy. Il revient de —. Kasa maty izy ka sitrana. Je ne le connais ni de près ni de —. Tsy fantatro velively izy.

De loin en loin, *loc. adv.* Mahalankalana, indraindray tadiavina.

Loin de, *loc. prép.* 1° Lavitra. Il est — de la ville. *Lavitry* ny tanána izy. 2° *fig.* Lavitra, velively. Cela est — de ma pensée. *Lavitry* ny hevitro izany. Je suis — de penser ainsi. *Lavitra* ahy ny mihevitra izany. Bien — de se repentir, il s'obstine dans son crime. *Lavitra* azy ny mibebaka, fa vao mainka mikiribiby amy ny hadisoany izy. Nous sommes — de compte ensemble. Tsy mifanaraka *velively* isika.

LOINTAIN, AINE, *adj.* Lavitra, any an-dakira, any an-tsioka. Pays—. Tany *lavitra*, etc.

—, *sm.* Ny any lavitra, ny any an-dakira, ny any an-tsioka. Qu'apercevez-vous dans le —? Inona no hitanao *eny lavitra* eny?

LOISIBLE, *adj.* Azo atao.

LOISIR, *sm.* Andro ahafahana, andro malalaka, andro. Je n'ai pas un moment de —. Tsy manana *andro ahafahana, andro malalaka* aho. Je n'ai pas le — d'y penser. Tsy misy *andro* hiheverako izany.

À loisir, *loc. adv.* Miadana. Examinez cela à —. Diniho *miadana* izany.

LOMBAIRE, *adj.* Ao am-balahana.

LONG, LONGUE, *adj.* 1° Lava, ela, mitarozaka. Barbe longue. Volombava *lava*. Ce discours est—. *Lava* izany lahateny izany. En été les jours sont longs. *Lava* ny andro raha fahavaratra. Cela ne sera pas d'une longue durée. Tsy haharitra *ela* izany. La conversation a été longue. Naharitra *ela, nitarozaka* ny resaka. Bail à — terme. Fanofantrano maharitra *ela*. 2°—, Miadana. Ces plantes sont longues à pousser. *Miadam*-paniry ireto zava-maniry ireto.

À la longue, *loc. adv.* Rahefa ela. Tout s'use à la—. Tsy misy tsy tontan' ny *ela*.

LONG, *sm.* Halava, halavana, lavany. La cour a douze mètres de —. Misy roa amby ny folo metatra ny *halava*, etc., ny tokotany.

—, *adv.* Zavatra betsaka. Il nous en a dit —. Nilazany *zavatra betsaka* ny amin' izany izahay.

Le long, tout le long, tout du long, au long de, *loc. prép.* Amorona, antsisina. Aller tout le — de l'eau. Manara-*morona* ny rano. Aller le — du bois. Manara-*tsisina* ny ala.

Au long, tout au long, *loc. adv.* Lava. Il a expliqué cela au —. *Lava* ny nivoasany izany.

De long, en long, *loc. adv.* Mitsangana. Fendre en —. Mamaky *mitsangana*, mamaky manaraka ny *tsanganany*. Mettez ce bois de —. Ampandrio *mitsangana* io hazo io.

LONGANIMITÉ, *sf.* Fahari-po, fandeferana. On ne saurait trop louer la — de ce prince. Tsy hita izay hiderana ny *fahari-po*, ny *fandeferan'* izany mpanjaka izany.

LONGE, *sf.* 1° Anja-koditra famatorantsoavaly. 2° —, Mananetin-janak' omby. —de veau. *Mananetin*-janak' omby.

LONGER, *va.* 1° Manara-morona, manara-tsisina. 2°—, Amorona, an-tsisina. Les rizières longent le bois. Ao *amorona, an-tsisin'* ny ala ny tanimbary.

LONGÉVITÉ, *sf.* Haela velona.
LONGITUDE, *sf.* Lonjitoda, fifanalaviran' ny fitoerana anankiray amy ny meridiena izay alaina ho fototra.
LONGITUDINAL, ALE, *adj.* Manaraka ny halavana, mitsangana. Muscles longitudinaux. Hozatra *manaraka ny halavana*, etc.
LONGITUDINALEMENT, *adv.* Araka ny halavana, mitsangana.
LONGTEMPS, *adv.* Ela, izay ela izay, fahoviana. La pluie dure —. Maharitra *ela* ny ranonorana. Cela est fait depuis —. Vita hatry ny *ela*, hatr' *izay ela izay, fahovian*-tany izany.
LONGUEMENT, *adv.* Ela. Il a parlé —. Niteny *ela* izy.
LONGUEUR, *sf.* 1° Halava, halavana, lavany, haela, fitarozaka. La — d'un bâton. Ny *halavan'* ny tehina. Ses visites sont d'une — insupportable. Tsy laitra ny fijanony *ela*, raha mamangy. Je suis ennuyé de la—du procès. Mahaboboka ahy ny *fitarozaky* ny ady. 2°—, Zavatra lava loatra. Il y a des longueurs dans ce discours. Misy *zavatra lava loatra* amin' izany laha-teny izany.
LONGUE-VUE, *sf.* Masolavitra.
LOPIN, *sm.* Sombin-kena, sombiny.
LOQUACE, *adj.* Basivava, maro vava, mpitaria, tsaontsaom-bava.
LOQUACITÉ, *sf.* Habasivava, fitaria, fitsaontsaom-bava.
LOQUE, *sf.* Voro-damba. Cet habit s'en va en loques. Tonga *voro-damba* io akanjo io.
LOQUET, *sm.* Hidim-baravarana karatoka.
LORGNER, *va.* 1° Mangala-pijery, manao maso vilana. 2° —, Mijery amy ny masolavitra madinika.
LORGNETTE, *sf.* Masolavitra madinika.
LORGNON, *sm.* Solomaso tokana.
LORS DE, *loc. prép.* Tàmy ny. — de son élection. *Tamy ny* nifidianana azy.
Pour lors, *loc. adv.* Tamin' izay.
Dès lors, *loc. adv.* Tamin'izay, hatramin' izay.
LORSQUE, *conj.* Raha, rahefa, nony, fony, tamy ny. Lorsqu'il viendra, placez-le dans cette chambre. *Raha, rahefa* tonga izy, dia apetraho amin'ity efi-trano ity. Lorsqu'il arriva, les grands allèrent à sa rencontre. *Nony, fony* tonga izy, *tamy ny* izy tonga, dia nitsena azy ny manamboninahitra.
Lors même que, *loc. conj.* Na dia... aza. On ne croit pas un menteur, —même qu'il dit la vérité. Tsy inoana ny mpandainga, *na dia* milaza marina *aza*.
LOT, *sm.* 1° Anjara. Voilà trois lots, choisissez. Misy *anjara* telo ireto, ka ifidiano. 2°—, Loka amy ny loterý. Il a gagné un — de mille piastres. Nahazo *loka* farantsa arivo *tamy ny loterý* izy. 3° *fig.* Anjara. La misère est son —. Ny fahantrana no *anjarany*.
LOTERIE, *sf.* 1° Loterý. 2° *fig.* Sendrasendra, vintana. Ce monde est une —. *Sendrasendra, vintana* ny zavatra eto an-tany.
LOTION, *sf.* Fidiovana, fandroana.
LOTO, *sm.* Lotó.
LOUABLE, *adj.* Mendrika hoderaina.
LOUAGE, *sm.* Fampanofana, fanofana.
LOUANGE, *sf.* Dera, fiderana. Il aime les louanges. Tia *dera* izy. Chanter les louanges de Dieu. Mihira ny *fiderana* an' Andriamanitra. Il est au-dessus de toutes louanges. Tsy hain' ny vava lazaina ny *fiderana* azy.
LOUÂNGER, *va.* Midera, mandoka.
LOUANGEUR, EUSE, *s.* et *adj.* Mpidera, mpandoka.
LOUCHE, *adj.* 1° Njola, mifanara-boamaso. 2° *fig.* Tsy mazava.
—, *sm.* Zavatra tsy mazava. Il y a du — dans cette affaire. Misy *zavatra tsy mazava* amin' izany raharaha izany.
LOUCHER, *vn.* Manjola, mifanaraboamaso.
LOUER, *va.* Mampanofa, manofa. Je lui ai loué ma maison. *Nampanofaiko* azy, *nanofako* taminy ny tranoko. J'ai loué une autre maison. *Nanofa* trano hafa aho.
Se louer, *vpr.* 1° Mikarama, manao karama. Il se loue à la journée. *Manao karama* isan' andro izy. 2°—, Mihofa.
LOUER, *va.* Midera. — quelqu'un. *Midera* olona.
Se louer, *vpr.* 1° Midera tena, mifampidera. 2°—, Faly. Je me loue du cheval que vous m'avez prêté. *Faly* aho amy ny soavaly nampindraminao ahy.
LOUEUR, EUSE, *s.* Mpampanofa. — de voitures. *Mpampanofa* kalesy.
LOUIS, *sm.* Farantsa volamena frantsay mitovitovy amy ny ariary efatra.
LOUP, *sm.* 1° Amboadia. 2° *fig.* Être connu comme le — blanc. Kely fantatr' olona hoatra ny kary.

LOUPE, *sf.* 1° Kambo. 2° —, Fitaratra mivohi-droa fampitomboan-javatra.

LOURD, LOURDE, *adj.* 1° Mavesatra, mazefatra, mafonja, maonjana. — quoique petit en apparence. *Maonjana.* Fardeau —. Entana *mavesatra,* etc. 2° —, Mihoninkonina, tsy mailaka, milondolondo. Il devient —. *Mihoninkonina, tsy mailaka* intsony izy. Temps —. Andro *milondolondo.* 3° *fig.* Mavesatra, donto, dombo, tsy misononóka, tsy mailaka. Il a l'esprit —. *Mavesa*-tsaina, *donto, dombo* saina izy. Style —. Laha-teny *tsy misononóka.* Il a une lourde tâche. *Mavesatra* ny raharahany. Cet édifice est —. *Tsy mailaka* izany trano izany. 4° —, Lehibe. Une lourde faute. Hadisoana *lehibe.* Voy. Pesant.

LOURDAUD, AUDE, *s.* Dondrina.

LOURDEMENT, *adv.* 1° Mavesatra. 2° —, Mihoninkonina, tsy mailaka. Marcher —. *Mihoninkonim*-pamindra. 3° *fig.* Amin-kadalana. Plaisanter —. Manao vosotr'*adala.* 4° —, Lehibe. Vous vous trompez —. Diso hevitra *lehibe* hianao.

LOURDEUR, *sf.* 1° Havesarana. 2° —, Fihoninkonina, tsy fahamailahana, filondolondo. 3° *fig.* Havesaran-tsaina, hadontoan-tsaina, tsy fisononóka, tsy fahamailahana. Il a une grande — de style. *Tsy misononóka* ny laha-teniny.

LOUVE, *sf.* Amboadiavavy.

LOUVETEAU, *sm.* Zanak' amboadia.

LOUVOYER, *va.* 1° Manompirampirana. Notre navire fut longtemps à —. *Nanompirampirana* ela ny sambonay. 2° *fig.* Miolakolaka.

LOYAL, ALE, *adj.* Mahatoky, be hitsim-po, tsy misy fitaka. Ami —. Sakaiza *mahatoky, be hitsim-po.* Sa conduite est loyale. *Tsy misy fitaka* ny ataony.

LOYALEMENT, *adv.* Tsy amim-pitaka.

LOYAUTÉ, *sf.* Hitsim-po, tsy fisiampitaka.

LOYER, *sm.* Hofan-trano. Il a payé son —. Nandoa ny *hofan-trano* izy. Prendre une maison à —. *Manofa* trano.

LUBIE, *sf.* Haitraitra, angotingoty.

LUBRICITÉ, *sf.* Hajejoana, fipilapilahana.

LUBRIQUE, *adj.* 1° Jejo, pilaka. 2° —, Vetaveta. Comme Lascif.

LUCARNE, *sf.* Varavaran-kely an-tafon-trano.

LUCIDE, *adj.* Mahiratra, mazava. Esprit —. Saina *mahiratra.* Idée —. Hevitra *mazava.* Avoir des intervalles lucides. Voy. Intervalle.

LUCIDITÉ, *sf.* Fahiratana, hazava.

LUCIFER, *sm.* Losifera.

LUCRATIF, IVE, *adj.* Mampahazo. Commerce —. Varotra *mampahazo.*

LUCRE, *sm.* Ny azo, tombony, vola. Il travaille moins pour le — que pour l'honneur. Tsy ny *vola* loatra fa ny voninahitra indrindra no antony iasany.

LUETTE, *sf.* Amboakelintenda.

LUEUR, *sf.* 1° Fahazavana misomambisamby, fisomambisamby, fitsilopilopy. La — de la chandelle. Ny *fisomambisamby, fitsilopilopin'* ny jiro. 2° *fig.* Kely. J'ai encore une — d'espérance. Mbola manantena *kely* hiany aho.

LUGUBRE, *adj.* Mampalahelo, malahelo, mampiseho alahelo. Voix —. Feo *mampalahelo.* Il a un air —. Manao toetr'olona *malahelo,* manjonitra, manjoretra izy. Cette cloche a un son —. *Mampiseho alahelo* izany feon-dakolosy izany.

LUGUBREMENT, *adv.* Mampalahelo, amin' alahelo.

LUI, *pron. pers.* Izy, azy, aminy. C'est — qui l'a dit. *Izy* no nilaza izany. Je travaille pour —. Miasa ho *azy* aho. Vous — parlerez. *Izy* no hiresahanao, hiresaka *aminy* hianao. Lui-même. *Izy* hiany, ny tenany hiany. Il vient — même. *Izy hiany, ny tenany hiany* no tamy.

LUIRE, *vn.* 1° Mazava. Le soleil luit. *Mazava* ny masoandro. Dès que le jour luira. Rahefa *mazava* ny andro. 2° —, Mamirapiratra, mangirangirana, manjelajelatra. Je vois — quelque chose dans le sable. Mahita zavatra *mamirapiratra,* etc., ao anaty fasika aho. Les épées luisent. *Manjelajelatra* ny sabatra. 3° *fig.* Misy. L'espérance luit encore. Mbola *misy* fanantenana hiany.

LUISANT, ANTE, *adj.* Mamirapiratra, mangirangirana, manjelajelatra, mandina, mangilohilo, mihilontrilona, manganohano. Il a le visage tout — de sueur. *Mandimandin'* ny tsemboka ny tarehiny. D'un noir —. Mainty *mangilohilo, mihilontrilona.* Ces souliers vernis sont très luisants. *Mangilohilo, mihilontrilona* loatra ity kiraro verny

ity. Cuivre —. Varahina *manganohano.*
—, *sm.* Famirapiratra, fangirangirana, fanjelajelatra, hamandina, fangilohilo, fihilontrilona, fanganohano. Le — de la soie. Ny *famirapiratry* ny lasoa.

LUMBAGO, *sm.* Aretim-balahana.

LUMIÈRE, *sf.* 1° Fahazavana. La lune emprunte sa — du soleil. Ny volana mandray ny *fahazavany* avy amy ny masoandro. 2° —, Jiro, fanilo. Apportez une —. Mitondrá *jiro,* etc. 3°—, Somonia, tadíny. Voy. Cheminée. 4° *fig.* Fahazavana, fanazavana, fihariharíana, fampihariharíana. Les fourbes craignent la —. Ny mpihatsaravelatsihy matahotra ny *fahazavana,* ny *hiharihary.* Mettre une vérité en —. *Manazava, mampiharihary* zava-marina anankiray. Il m'a fourni des lumières sur cette affaire. Nilaza zavatra tamiko *manazava* izany raharaha izany izy. 5° —, Fahalalana, fahaizana. Cet homme a peu de lumières. Kely *fahalalana,* etc., io lehilahy io. 6° —, Olo-mahay, fanilo. Il a été une des lumières de l'Église. Iray tamy ny *olo-mahay* amy ny Eglizy, isan'ny *fanilon'* ny Egilzy izy.

LUMIGNON, *sm.* Fotsy angavo, fotsy angola.

LUMINAIRE, *sm.* 1° Fanazavana. Le soleil et la lune sont les deux grands luminaires du ciel. Ny masoandro sy ny volana no *fanazavana* roa lehibe ao amy ny habakabaka. 2° —, Jiro. Le — d'un enterrement. Ny *jiro* lany amy ny fandevenana.

LUMINEUSEMENT, *adv.* Mazava.

LUMINEUX, EUSE, *adj.* 1° Mazava, manazava. Le soleil est —. *Mazava,* etc., ny masoandro. 2° *fig.* Mahiratra, mazava, manazava. Esprit —. Saina *mahiratra.* Idée lumineuse. Hevitra *mazava, manazava.*

LUNAIRE, *adj.* Amy ny volana. Année —. Taona manaraka *ny volana.*

LUNAISON, *sf.* Volana. Cette — a été pluvieuse. Be ranonorana tamin' ity *volana* ity.

LUNATIQUE, *adj.* et *s.* 1° Manarabolana, mararin' ny androbe. 2° *fig.* Mihaitraitra, miangotingoty.

LUNDI, *sm.* Alatsinainy.

LUNE, *sf.* 1° Volana. Clair de —. *Diavolana.* Nouvelle—. Tsinam-*bolana.* C'est le deuxième jour de la —. Hitam-biby ny *volana.* C'est la pleine —. Feno, mitapaka ny *volana,* fenomanana. La — est en décours. Mirátra ny *volana.* La — est à son dernier quartier. Milefitra ny *volana.* La — se lève. Teraka ny *volana.* La — se couche. Misoka ny *volana.* La — est invisible. Maizim-*bolana.* 2° *fig.* — de miel. Ny *volana* voalohany nampakaram-bady. Vouloir prendre la — avec les dents. Mitomany ny tsy áry. Il a des lunes. Miovaova, mihaitraitra izy.

LUNETIER ou **LUNETTIER,** *sm.* Mpanao na mpivarotra solomaso.

LUNETTE, *sf.* 1° Masolavitra. 2° —, Vava garaba. 3° —, *pl.* Solomaso. Mettez vos lunettes. Ataovy ny *solomasonao.* 4° *fig.* Chacun voit avec ses lunettes. Samy mitsara zavatra araka ny heviny. Il a mis ses lunettes de travers. Tsy mahita mazava amin' izany izy.

LUSTRAL, ALE, *adj.* Fanafánana. Eau lustrale. Rano *fanafánana.*

LUSTRATION, *sf.* Fanafánana, fiafánana, afana.

LUSTRE, *sm.* 1° Famirapiratra, fangirangirana, fanjelajelatra, fangilohilo, fihilontrilona. Cette perle est d'un beau—. *Mamirapiratra, mangirangirana, manjelajelatra* tsara io vakana io. Le — d'une étoffe. Ny *famirapiratra, fangirangiran'* ny lamba. Ce chapeau noir a perdu son—. Tsy *mangilohilo, mihilontrilona* intsony ity satroka ity. Voy. Luisant. 2°—, Giloby maro rantsana mihantona. 3° *fig.* Fihiratra, famirapiratra, laza, voninahitra. La parure lui donne du—. *Mampihiratra* ny tarehiny ny haingo. Sa valeur brille d'un nouveau —. Mitombo ny *famirapiratra'* ny *lazan'*ny herim-pony. Cette charge lui donne du —. Mampahazo *voninahitra* azy izany raharaha izany.

LUSTRER, *va.* Mampamirapiratra, mampangirangirana, mampanjelajelatra, mampangilohilo, mampihilontrilona.

LUSTRINE, *sf.* Lamba mamirapiratra fanao dabolerany.

LUTHÉRIEN, IENNE, *adj.* et *s.* Loteriana.

LUTIN, INE, *adj.* Mipelipelika, mihavatravatra, mihetraketraka, mitohatoha.
—, *sm.* 1° Matoatoa. 2° *fig.* Mpipelipelika, mpihavatravatra, mpihetraketraka, mpitohatoha. Cet enfant est un —. *Mpipelipelika,* etc., ilay kely ity.

LUTINER, *va.* Manorisory. — quelqu' un. *Manorisory* olona.

—, *vn*. Mipelipelika, mihavatravatra, mihetraketraka, mitohatoha.

LUTRIN, *sm*. Polpitra fametraham-boky fihirana ao an-trano leglizy.

LUTTE, *sf*. 1° Tolona. 2° *fig*. Ady, fifanoherana.

LUTTER, *vn*. 1° Mitolona, mifampitolona. —avec quelqu'un. *Mitolona*, etc., amin' olona. 2° *fig*. Miady, manohitra, manoha. Les deux armées luttèrent avec un égal courage. Samy *niady* tamin-kerim-po ny tafika roa tonta. — contre les flots. *Manohitra, manoha* ny onjan-dranomasina.

LUTTEUR, *sm*. Mpitolona.

LUXATION, *sf*. Fipitsohana, fioretana.

LUXE, *sm*. 1° Renty be loatra, haingo —, ravaka —, rehareha. Le — des habits. Ny *renty, haingo, ravaka be loatra* amy ny akanjo. Il déploie un grand —. Mampiseho *rehareha* mahagaga izy. 2° *fig*. Habetsahana, renty. Quel — de comparaisons ! Endrey izany *habetsaham*-panoharana ! — d'éclairage. *Habetsahan*-jiro. Cet ouvrage est imprimé avec —. Natao be *renty* ny nanontana io boky io.

LUXER, *va*. 1° Manapitsoka, mampioritra.

Se luxer, *vpr*. Mipitsoka, mioritra.

LUXURE, *sf*. Fahalotoana.

LUXURIANT, ANTE, *adj*. Milobona, mirobona, mandrobona. Moissons luxuriantes. Vary *milobona*, etc.

LUXURIEUX, EUSE, *adj*. Tia fahalotoana, mitarika amy ny fahalotoana, vetaveta.

LUZERNE, *sf*. Karazam-bilona afafy.

LYCÉE, *sm*. Kolejim-panjakana.

LYCÉEN, *sm*. Mpianatra ao amy ny kolejim-panjakana.

LYMPHATIQUE, *adj*. Borerarera.

LYNX, *sm*. 1° Karazam-biby masiaka. 2° *fig*. Avoir des yeux de —. Matsilo maso, mahita mazava.

LYRE, *sf*. Valihan' ny Vazaha taloha.

M

MA, *adj. poss. f*. Ko. —sœur. Anabaviko, rahavaviko.

MACADAM, *sm*. Akoravato anamboarana lálam-be.

MACADAMISER, *va*. Manamboatra lálana amy ny akoravato. — une route. *Manamboatra lálam-be amy ny akoravato.*

MACARONI, *sm*. Makarony.

MACÉRATION, *sf*. 1° Fandomana. 2° *fig*. Fampijalian-tena.

MACÉRER, *va*. 1° Mandona. Il faut — cette plante dans du vin. Tokony *halona* amy ny divay ity zava-maniry ity. 2° *fig*. Mampijaly tena. — son corps. *Mampijaly* ny vatany.

Se macérer, *vpr*. 1° Milona. 2° *fig*. Mampijaly tena.

MÂCHER, *va*. 1° Mitsako. — du pain. *Mitsako* mofo. Avaler sans —. Tsy *mitsako*, manao telimoka. — sans ouvrir la bouche. Manao *tsako* homoka, *tsakon'* ondry, mihomokomoka. 2° *fig*. — à quelqu' un sa besogne. Mandamindamin-draharaha ho an' olona. Ne pas — la vérité. Tsy misorona hilaza ny marina. Il faut tout lui —. Tsy maintsy hatoro azy na dia ny zavatra tsotra indrindra aza.

MÂCHEUR, EUSE, *s*. Mpitsako.

MACHIAVÉLIQUE, *adj*. Misy politika ratsy, misy fitaka.

MACHIAVÉLISME, *sm*. Politika ratsy, fitaka.

MACHIAVÉLISTE, *sm*. Mpanao politika ratsy, mpamitaka.

MACHINAL, ALE, *adj*. Tsy nahy, tsy satry. Mouvement —. Fihetsehana *tsy nahy*, etc.

MACHINALEMENT, *adv*. Tsy nahy, tsy satry.

MACHINATEUR, *sm*. Mpamorontsain-dratsy, mpitetika mangingina, mpiray tetika.

MACHINATION, *sf*. 1° Famoronantsain-dratsy, fitetehana mangingina, fíraisan-tetika. Comme INTRIGUE.

MACHINE, *sf*. 1° Milina. — à coudre.

Milina fanjairana. — à vapeur. *Milina* ahodin' ny sitimo. Cette horloge est une belle —. Tsara *milina* izany famantaranandro izany. 2° *fig.* Bakakan'olona, Ce n'est qu' une —. *Bakakan' olona* izy.
MACHINER, *va.* Mamoron-tsain-dratsy, mitetika mangingina, miray tetika. Il machine votre perte. *Mamoron-tsain-dratsy* mba hahavoa anao izy.
MACHINISTE, *sm.* Mpamorona milina.
MÂCHOIRE, *sf.* Valanorano.
MAÇON, *sm.* Tambato.
MAÇONNAGE, *sm.* Fandrafetam-bato, rafi-bato. Le — de ce mur est bon. Tsara *rafitra* io rindrina io.
MAÇONNER, *va.* 1° Mandrafi-bato. 2° *fig.* Manaonao foana.
MAÇONNERIE, *sf.* Rafi-bato.
MAÇONNIQUE, *adj.* Any ny framasao.
MACULE, *sf.* Pentina.
MACULER, *va.* Mamentimpentina.
MADAGASCAR, *s.* Madagaskara.
MADAME, *sf.* Madama, ramatoa, tompokovavy. Oui, —. Eny *ramatoa, tompokovavy.* — une telle. *Ramatoa* Ranona.
MADEMOISELLE, *sf.* Mamonjely, ramatoa.
MADONE, *sf.* Sariny Masina Mary.
MADRÉ, ÉE, *adj.* et *s.* Fetsy, fiharatra, konjo, mamaky akotry.
MADRIER, *sm.* Hazo matevina.
MAGASIN, *sm.* Magazay, trano fitahirizan-javatra, trano fivarotana. — de vivres. *Magazay, trano fitahirizan-kanina.* — à poudre. *Trano fitoerambanja.* — de draps. *Trano fivarotandopótra.*
MAGASINAGE, *sm.* Fametrahana entana ao amy ny magazay.
MAGASINIER, *sm.* Mpitandrina magazay.
MAGE, *sm.* Majy.
MAGICIEN, IENNE, *s.* Mpanao ody mahery, mpamoha angatra, mpanao fankatoavana.
MAGIE, *sf.* 1° Fanaovana ody mahery, famohazana angatra, fanaovana fankatoavana. 2° *fig.* Hery mahagaga. La — du chant. Ny *hery mahagagan'* ny hira.
MAGIQUE, *adj.* 1° Momba ny fanaovana ody mahery, — ny famohazana angatra, — ny fanaovana fankatoavana. Pouvoir —. Fahefana *hanao ody mahery, hamoha angatra, hanao fankatoavana.* 2° *fig.* Mahagaga, mahatalanjona, Décoration —. Haingon-trano *mahagaga,* etc.
MAGISTRAL, ALE, *adj.* Mihambohambo, mianjonanjona. Il s' exprime d'un air —. *Mihambohambo,* etc., toetra izy raha miteny.
MAGISTRALEMENT, *adv.* Amimpihambohamboana. Parler —. *Mihambohambo* fiteny.
MAGISTRAT, *sm.* Andriambaventy, mpitsara, mpifehy.
MAGISTRATURE, *sf.* Raharahan' ny mpitsara.
MAGNANERIE, *sf.* Trano fiompiandandikely, fahaizana miompy landikely.
MAGNANIME, *adj.* Mahery fo.
MAGNANIMEMENT, *adv.* Amin-kerim-po.
MAGNANIMITÉ, *sf.* Herim-po.
MAGNÉTIQUE, *adj.* Mahatarika ny vy. Vertu —. Hery *mahatarika ny vy.*
MAGNÉTISME, *sm.* Herin' ny andriam-by.
MAGNIFICENCE, *sf.* 1° Fahafoizambe. Sa — l'a ruiné. Lany harena noho ny *fahafoizany be* izy. 2° —, Hakanto. La — des œuvres du Créateur. Ny *hakanton'* ny asan-tánan' Andriamanitra. 3° *fig.* Hakanto.
MAGNIFIQUE, *adj.* 1° Mahafoy be. Prince —. Mpanjaka *mahafoy be* 2° —, Kanto, mahagaga, mahatalanjona, tsara dia tsara. Palais —. Lapa *kanto,* etc. Il fait un temps —. *Tsara dia tsara* ny andro. 3° *fig.* Kanto, be renty. Style —. Laha-teny *kanto,* etc.
MAGNIFIQUEMENT, *adv.* 1° Amimpahafoizam-be. 2° —, Kanto, mahagaga, tsara dia tsara.
MAGOT, *sm.* 1° Rajako tsy misy rambo. 2° *fig.* Olona ratsy tarehy hoatra ny antima. C'est un vrai —. *Olona ratsy tarehy hoatra ny antima* izy. 3° —, Vola miafina. Il a un bon —. Be ny *volany miafina.*
MAHOMÉTAN, ANE, *s.* et *adj.* Silamo.
MAHOMÉTISME, *sm.* Fivavahan' ny Silamo.
MAI, *sm.* Volana fahadimy amy ny taona vazaha.
MAIGRE, *adj.* 1° Mahia, kaozatra, taolantaolanina, rangy. Enfant —. Zaza

kely *mahia*, etc. || *loc.* Croître en restant —. Mihalava tánana. Faire — chère. Mitsitsy hanina, manao hanina mitana ny aina. Jours maigres. Andro ifadian-kena. Repas —. Sakafo tsy misy hena. Soupe —. Lasopy tsy nasiankena. 2° —, Maina, ngazana. Terrain —. Tany *maina*, etc. 3° *fig.* Tsy misy ren'y, manta, sarotra itarina. Style —. Laha-teny *tsy misy renty, manta.* Un sujet —. Foto-teny *sarotra itarina.*

—, *sm* 1° Nofo. Donnez-moi du — de ce jambon. Omeo amin' io *nofom*-pendambosira io aho. 2°—, Hanina tsy misy hena. Le—me fait mal. Mankarary ahy ny *hanina tsy misy hena.* Manger —. *Tsy* homan-*kena.*

MAIGRELET, ETTE, *adj.* Mahiahia, rangirangy. Enfant —. Zaza kely *mahiahia*, etc.

MAIGREMENT, *adv.* Amim-pitsitsiana. Vivre —. *Mitsitsy* hanina, manao hanina mitana ny aina.

MAIGREUR, *sf.* 1° Hahia, hahiazana. 2° *fig.* Hamanta. — de style. *Hamantan'* ny laha-teny.

MAIGRIR, *vn.* Mihamahia, mihakaozatra. mandráka.

—, *va.* Mampahia. Les vêtements noirs le maigrissent. *Mampahia* azy ny akanjo mainty.

MAIL, *sm.* 1° Tantanan-kazo fanapohana kanety be. Donner un coup de —. *Manapoka kanety be* amy ny *tantanan-kazo.* 2° —. Kanety be. Jouer au —. Manao *kanety be.*

MAILLE, *sf.* Maso. Les mailles d'un filet. Ny *mason*-karato.

MAILLET, *sm.* Tantanan-kazo, fivelifandraka.

MAILLOT, *sm.* Lamban-jaza.

MAIN, *sf.* 1° Tánana. Le plat de la —. Ny fela*tanana.* Il a la — sûre. Tsy mangovi-*tánana* izy. Il a la — malheureuse. Mafana *tánana* izy ; *fig.* tsy ambinina izy. Ouvrir la —. Manoka-*tánana.* Fermer la —. Manakombon-*tánana.* Joindre les mains. Manakamban-*tánana.* Lever les mains vers le ciel. Manandra-*tánana* amy ny lanitra. Lever la — sur quelqu'un. Manainga *tánana* hamely olona. Donner une poignée de mains à quelqu'un. Mandray *tánana* olona. Se donner une poignée de mains. Mifandray *tánana.* Se présenter ou revenir les mains vides. Mitondra *tánam*-polo. || *loc.* Mener quelqu'un par la —. Mitantana olona. Battre des mains. Mitehaka. Prendre des poissons à la —. Misaka hazandrano. Avoir le chapeau à la—. Mitan-tsatroka. Mettre l'épée à la —. Mandray sabatra. Je n'ai pas ce livre sous la —, je le chercherai. Tsy hitako izao izany boky izany, fa hotadiaviko. Donner l'argent à pleines mains. Manome vola be. En venir aux mains. Mandrafitra ady. Coup de —. Sovok'ady. La ville a été emportée par un coup de —. *Sovok'ady* no nahazoana ny tanána. Faire passer de — à —. Manao tetezan'olona, manao am-pamindra. Avoir la — heureuse. Ambinina. Avoir le cœur sur la —. Tsy manao ankinafinafina. Donner la — à quelqu'un. Manampy olona. Prendre en — les intérêts de quelqu'un. Manampy, miaro olona. Faire — basse sur tous les prisonniers. Mandringana ny sambo-belona rehetra. Forcer la — à quelq'un. Manery olona. Mettre la — sur quelqu'un. Mamely olona. Mettre à quelqu'un la — sur le collet. Misambotra olona. Mettre la — à l'œuvre. Manomboka raharaha. Mettre la dernière — à un ouvrage. Manatontosa raharaha. Ce tableau est fait de — de maître. Vita tsara izany sary izany. Se laver les mains de quelque chose. Miala tsiny amy ny zavatra natao. Il n'y va pas de — morte. Mamely mafy izy. J'aurai fait en un tour de —. Ho vitako poatoizay izany. Donner d'une — et retenir de l'autre. Manome tsy mahafoy. Votre affaire est en bonne —. Ataon' ny olona mahatoky ny raharahanao. Toutes les affaires de cette succession lui ont passé par les mains. Izy no nikarakara ny zavatra rehetra momba izany lova izany. Demander la — de quelqu'un. Maka olona ho vady. 2°—, Fanoratra. Il a une belle —. Tsara *fanoratra* izy. 3°—, Felatánana, herin-tsandry, fahefana. Ma vie est dans vos —. Eo am-*pelatánanao* ny aiko. C'est un coup de la — de Dieu. Ny *herin-tsandrin'* Andriamanitra no nahatonga izany. Il faut s'humilier sous la — de Dieu. Tsy maintsy hanetry tena eo ambanin'ny *fahefan'* Andriamanitra. 4° —, Lafitra, koara. Combien coûte une — de bananes. Hoatrinona no vidin'ny akondro iray *lafitra.* Donnez-moi une — du papier. Omeo *koaran*-taratasy iray aho.

De longue main, *loc. adv.* Izay ela izay, hatrizay hatrizay. Je le connais de longue—. Fantatro *izay ela izay*,etc.,izy.

Sous main, *loc. adv.* Mangingina, antsokosoko. Faites-lui savoir cela sous —. Ampahafantaro azy *mangingina*, etc., izany.

MAIN-COURANTE, *sf.* Boky fanoratana ny miditra sy ny mivoaka isan'andro.

MAIN-D'ŒUVRE, *sf.* Fanaovana. La — de cette armoire a coûté cher. Sarobidy ny *nanaovana* io lalomoara io.

MAIN-FORTE, *sf.* Vonjy, fanampiana. Prêter — à l'exécution des lois. *Mamonjy, manampy* mba hampanaraka ny lalána.

MAINT, AINTE, *adj.* Maro, betsaka. Maintes fois. *Imbetsaka.*

MAINTENANT, *adv.* Izao, amin'izao, ankehitriny. Tu te tais —. *Izao*, etc., ialahy mangina.

Maintenant que, *loc. conj.* Satria ankehitriny. — que nous sommes seuls. *Satria* isika irery *ankehitriny.*

MAINTENIR, *va.* 1° Mitana, mihazona. Cette barre de fer maintient la charpente. Io anja-by io no *mitana*, etc., ny rafitra. 2° *fig.* Mitana, mihazona, mampaharitra. Il l'a maintenu à cette place. *Nitana, nihazona* azy tamin' izany raharaha izany izy. Que Dieu vous maintienne dans cette bonne disposition. Aoka Andriamanitra *hampaharitra* anao amin' izany toe-panahy tsara izany. 3°—, Milaza marina, tsy manova. Je vous maintiens que cela est vrai. *Lazaiko marina* aminao fa marina izany. Je maintiens ce que j'ai avancé. Izaho *tsy manova* izay efa voalazako.

Se maintenir, *vpr.* 1° Mifampitana, mifampihazona, maharitra. Ce vieillard se maintiendra longtemps. *Haharitra* ela io lahiantitra io. 2° *fig.* Tánana, maharitra. Les lois se maintiennent dans ce royaume. *Tánana, maharitra* amin' izany fanjakana izany ny lalána samihafa.

MAINTIEN, *sm.* 1° Faharetana. Veiller au—des lois. *Mampaharitra* ny lalána. 2° —, Toetra, fitoetra, fipetraka. Il a un — modeste. Manan-*toetra* maotona izy, maotona ny *toetrany*, etc. Il n'a point de —. Adaladala *toetra* izy.

MAIRE, *sm.* Lehiben' ny tanána. Adjoint au —. Lefitry ny *maire.*

MAIRIE, *sf.* 1° Raharahan' ny *maire.* 2°—, Trano fanaovan' ny *maire* sy ny namany raharaha.

MAIS, *conj.* Fa, saingy, faingy. Il est riche, — avare. Manan-karena izy, *fa*, etc., mahihitra. — qu'ai-je fait ? *Fa* inona no nataoko ?

—, *sm.* Olakolaka. Il n'y a point de —. Tsy misy *iolakolahana* izany.

—, *adv.* Fototra, antony. Je n'en puis—. Tsy izaho no *fototra, antony.*

MAÏS, *sm.* Katsaka.

MAISON, *sf.* 1° Trano. — de commerce. *Trano* fivarotana. — d'arrêt. *Tranomaizina*, fonja. La — de Dieu. Ny *trano* leglizy. Petites-maisons. *Trano* fitsaboana ny adala. Le maître de la—. Ny tompon-*trano*. 2°—, Ny ao an-trano. Sa — est bien ordonnée. Milamina tsara *ny ao an-tranony.* Il a une nombreuse—. Betsaka *ny ao an-tranony.* Il est aimé de toute la —. Tian' *ny ao an-tranony* rehetra izy. 3°—, Taranaka, sakelika, fianakaviana. C'est un prince de la — royale. *Taranaka, sakelik*'andriana io zanak'andriana io. Cette — est éteinte. Lany tamingana izany *fianakaviana* izany.

MAISONNETTE, *sf.* Trano madinika. — que font les enfants pour s'amuser. *Kitranotrano, tsitranotrano.*

MAÎTRE, *sm.* 1° Tompolahy, tompo. Cet esclave s'est sauvé de chez son—. Nilefa tamy ny *tompolahiny* io andevolahy io. Dieu est notre—. Andriamanitra no *tompontsika*. Nul ne peut servir deux maîtres. Tsy misy mahay manompo *tompo* roa. Qui est le — de ce cheval ? Iza no *tompon'* ity soavaly ity ? Agir en —. Mivolon-*tompony*. ‖ *loc.* Se rendre — d'une place. Maka tanána. Se rendre — du feu. Mamono afo. Être — de ses passions. Mandresy ny filandratsiny. Être — de soi. Mahafehy tena. Être le —, être — de faire quelque chose. Tompon-tsafidy mba hanao zavatra. Il a trouvé son —. Tonga ny mahay, ny matanjaka noho izy. Vous êtes mon —. Resinao aho. 2°—, Mpampianatra. — d'école. *Mpampianatra* sekoly. — de langue française. *Mpampianatra* fiteny frantsay. — de chapelle. *Mpampianatra* hira ao an-trano leglizy. 3° —, Olo-mahay. Ce tableau est d'un—. Nataon' ny *olo-mahay* io sary io. C'est un — homme. *Mahay* tokoa izy. 4° —,

Talé, loba, lehibe. — charpentier. *Talé, loha, lehiben'* ny mpandrafitra. — autel. Otely *lehibe.*

MAÎTRESSE, *sf.* 1° Tompovavy, tompo. La — du logis. Ny vehivavy *tompon*-trano. 2° —, Vehivavy mpampianatra. — d'école. *Vehivavy mpampianatra* sekoly. 3° —, Mahay. Une — femme. Vehivavy *mahay.*

MAÎTRISE, *sf.* Raharahan' ny mpampianatra hira ao an-trano leglizy katedraly.

MAÎTRISER, *va.* 1° Milohaloha. C'est une injustice que de vouloir — ses égaux. Zavatra tsy rariny ny *milohaloha* amy ny olo-mitovy. 2° *fig.* Mamolaka. — ses passions. *Mamolaka* ny filan-dratsiny.

Se maîtriser, *vpr.* Mahafehy tena, manindry fo, manonom-po.

MAJESTÉ, *sf.* 1° Fiandrianana, fahandrianana, voninahitra. La — de Dieu. Ny *fiandrianana,* etc., Andriamanitra. 2° —, Anaram-boninahitra fanajana ny mpanjaka, Majesté. 3° *fig.* Fahamendrehana, endrik' andriana, toetr' andriana, fidasidasy, hakanto.

MAJESTUEUSEMENT, *adv.* Amimpahamendrehana, midasidasy, kanto, mahatalanjona.

MAJESTUEUX, EUSE, *adj.* Mendrika, miendrik' andriana, mitoetr'andriana, midasidasy, kanto, mahatalanjona. Il a un air —. Manao toetra *mendrika, miendrik' andriana, mitoetr'andriana* izy. Il a une démarche majestueuse. *Midasidasy* fandeha izy. Temple —. Trano fivavahana *kanto, mahatalanjona.* Style —. Laha-teny *kanto, mahatalanjona.*

MAJEUR, EURE, *adj.* Be vava, lehibe indrindra, zoky. C'est une affaire majeure. Raharaha *be vava, lehibe indrindra, zokin*-draharaha izany. Il y a force majeure. Misy antony *lehibe indrindra.* ‖ *loc.* La majeure partie. Ny ankabiazany, ny ankamaroany.

—, *adj.* et *s.* Maoty, mahazaka tena, mahaleo tena.

MAJOR, *sm.* 1° Manamboninahitra miandraikitra ny volan' ny miaramila. 2° —, Talé. Chirurgien —. *Talen'* ny dokoteran' ny miaramila.

MAJORITÉ, *sf.* 1° Ny ankabiazany, ny ankamaroany. La — des Français. Ny *ankabiazany,* etc., ny Frantsay. Il fut de l'avis de la —. Niray hevitra tamy ny *ankabiazany,* etc., izy. 2° —, Fahazakantena, fahaleovan-tena.

MAJUSCULE, *adj.* et *sf.* Lehibe, kapitaly. Lettre —. Litera *lehibe, kapitaly.*

MAKI, *sm.* Gidro, varika.

MAL, *sm.* 1° Ratsy, fahoriana, loza. Dieu dispense les biens et les maux. Andriamanitra mandahatra ny soa sy ny *ratsy.* Rendre le bien pour le —. Mamaly tsara ny *ratsy.* Il ne faut point faire un — pour qu'il en arrive un bien. Ny *ratsy* tsy azo entina hahazoana ny tsara. L'amitié adoucit tous les maux. Ny fifankatiavana mahamaivana ny *fahoriana* rehetra. L' inondation a causé bien du —. Ny fahatondrahan' ny rano nampidi-*pahoriana,* nampidi-*doza.* Je n'y vois aucun —. Tsy hitako izay *ratsy* amin' izany. Dire du — de son prochain. Miteny *ratsy, manaratsy* namana. 2° —, Aretina. Ce — m'a pris tout à coup. Tampotampoka no nahazoako izany *aretina* izany. ‖ *loc.* Avoir —. Marary. J'ai — à la tête. Marary an-doha aho. — caduc, haut —. Androbe. 3° —, Hasasarana, fahasahiranana. Il a bien du — à gagner sa vie. *Misasatra, misahirana* mafy izy vao mahazo fivelomana.

—, *adv.* Ratsy, tsy tsara. Cette affaire va —. *Ratsy* fandroso izany raharaha izany. Il chante —. *Ratsy* fihira izy. J'ai — entendu. *Tsy* reko *tsara,* taila-nandrenesana aho. Il a — vu. *Tsy* hitany *tsara,* tailam-pijery izy. Ses affaires vont de — en pis. *Miharatsy* ny raharahany. ‖ *loc.* Prendre — une chose. Tezitra amy ny zavatra anankiray. Se trouver —. Torana. Être — avec quelqu' un. Tsy mifanaraka amin' olona. Être —. Marary mafy.

MALADE, *adj.* et *s.* 1° Marary, mandraiki-marary. — de la poitrine. *Marary* tratra. Il s'est chagriné, il en est —. Malahelo izy, ka *mandraiki-marary.* Un peu —. *Mararirary,* marisarisa, mafanafana, mavozovozo. Rendre —. *Mankarary.* Il a l'air —. Miendrik' olo-*marary* izy. 2° —, Mihafohatra. Ces plantes sont malades. *Mihafohatra* ireto zavamaniry ireto. 3° *fig.* Be ahiahy. Il a l'esprit —. *Be ahiahy* loatra izy.

MALADIE, *sf.* 1° Aretina. — cutanée. *Aretin*-koditra. ‖ *loc.* — du pays. Hanina te-hody, alahelo ny tanin-drazana. 2° —, Areti-mifindra. Il a la —. Azon' ny *areti-mifindra* izy. 3° —, Hafohatra. Les arbres ont leurs maladies. Misy zavatra

mahafohatra ny hazo. 4° *fig.* Hadalana. Il a la— des livres. *Adalam*-boky izy.

MALADIF, IVE, *adj.* Farary, farofy.

MALADRESSE, *sf.* 1° Fidrahodrabo, fitaraiky, fikaviavia, fitsivaikavaika, fitsikondrikondry. 2° *fig.* Tsy fahaizana, tsy fahendrena, hadalana. Il a conduit cette affaire avec—. *Tsy* nitondra izany raharaha izany tamim-*pahaizana*, tamim-*pahendrena* izy.

MALADROIT, OITE, *adj.* et *s.* 1° Midrahodraho, mitaraikiraiky, mikaviavia, mitsivaikavaika, mitsikondrikondry. Ouvrier—. Mpiasa *midrahodraho*, etc. 2° *fig.* Tsy mahay, tsy hendry, adala. Réponse maladroite. Valin-teny *adala*.

MALADROITEMENT, *adv.* 1° Amim-pidrahodrahoana, amim-pitaraikiraikena, amim-pikaviaviazana, amim-pitsikondrikondriana. 2° *fig.* Amin-kadalana.

MALAISE, *sm.* 1° Fanetsetra, harisarisa, havozovozoana. 2° *fig.* Hateriterena, haporiporetana.

MALAISÉ, ÉE, *adj.* 1° Sarotra. Il est — de régler ses désirs. *Sarotra* ny mametra ny faniriany. 2° —, Manahirana, mampananosarotra. Escalier —. Tohatra *manahirana*, etc. 3°—, Teritery, poriporitra. Persone malaisée. Olona *teritery*, etc.

MALAISÉMENT, *adv.* Sarotra.

MALAPPRIS, ISE, *adj.* et *s.* Tsy mahalala fomba.

MALAVISÉ, ÉE, *adj.* et *s.* Tsy malina, tsy hendry, tsy mitandrina.

MALBÂTI, IE, *adj.* Ratsy bika.

MÂLE, *sm.* Lahy.

—, *adj.* 1° Lahy. Enfant—. Zaza*lahy*. Perdrix —. Tsipoi*lahy*. 2° *fig.* Mitombandahy, any ny lehilahy, mampiseho herimpo. Il a un air —. *Mitomban-dahy* izy. Elle a un air—. Vehivavy *mitomban-dahy* izy. Courage—. Herim-pon-*dehilahy*. Discours—. Laha-tenin-*dehilahy*. Des figures mâles. Tarehy *mampiseho herim-po*.

MALÉDICTION, *sf.* 1° Ozona, fanozonana, fisahatoana, fitsitsihana. Ce père a donné sa—à son fils. *Nanozona, nisahato, nitsitsika* ny zanany io rainy io. 2°—, Loza. La—est sur cette maison. Ambinin-*doza* io trano io.

MALÉFICE, *sm.* Mosavy, famosaviana, vorika, famorehana.

MALÉFICIÉ, ÉE, *adj.* Namosavina, voavorika, novorehina, nobalána.

MALENCONTRE, *sf.* Tsy fanambinana, vintan-dratsy, loza.

MALENCONTREUSEMENT, *adv.* Tsy amim-panambinana.

MALENCONTREUX, EUSE, *adj.* 1° Tsy ambinina, ratsy vintana. Personne malencontreuse. Olona *tsy ambinina*, etc. 2°—, Milaza loza, mampahita loza. Présage —. Fambara *milaza loza*. Evènement—. Zavatra *mampahita loza*.

MALENTENDU, *sm.* Tsy fahazoan-teny. Des malentendus naissent les disputes. Ny tsy *fahazoan-teny* miteraka fifandirana.

MAL-ÊTRE, *sm.* Fisomazotsazoka.

MALFAIRE, *vn.* Manao ratsy.

MALFAISANT, ANTE, *adj.* 1° Faly hampidi-doza, mampidi-doza. Homme—. Lehilahy *faly hampidi-doza*. Animaux malfaisants. Biby *mampidi-doza*. 2°—, Mankarary. Mets malfaisants. Nahandro *mankarary*.

MALFAITEUR, *sm.* Mpanao ratsy.

MALFAMÉ, ÉE, *adj.* et *s.* Ratsy laza.

MALGACHE, *adj.* et *s.* Malagasy.

MALGRÉ, *prép.* Na dia rarana aza, na dia... aza. Il a fait ce mariage — son père. Nanambady izany olona izany izy *na dia noraran*-drainy *aza*. Je l'ai reconnu — l'obscurité. Nahăfantatra azy hiany aho *na dia* maizina *aza*. || *loc.* — tout. Na manao ahoana na manao ahoana.

MALHABILE, *adj.* Tsy mahay, tsy hendry.

MALHABILEMENT, *adv.* Tsy amim-pahaizana, tsy amim-pahendrena.

MALHABILETÉ, *sf.* Tsy fahaizana, tsy fahendrena.

MALHEUR, *sm.* Tsy fanambinana, vintan-dratsy, fahoriana, loza, voina. Il a du—. *Tsy ambinina, ratsy vintana* izy. Il est dans le—. Azom-*pahoriana*, azon-*doza*, azom-*boina* izy. Cet homme m' a porté—. Nampidi-*doza* ahy ralehilahy io. Il lui est arrivé un—. Nahita *loza* izy. À quelque chose— est bon. Indraindray ny *fahoriana*, ny *loza* no ahitan-tsoa, ao anatin' ny mangidy ny mamy. — aux pêcheurs! *Loza* ho any ny mpanota!

Par malheur, *loc. adv.* Tsy amim-panambinana.

MALHEUREUSEMENT, *adv.* Tsy amim-panambinana.

MALHEUREUX, EUSE, *adj.* 1° Tsy

ambinina, ratsy vintana, azom-pahoriana, azon-doza, fadiranovana, miferinaina. mahantra. Il est — au jeu. *Tsy ambinin*-doka izy. Il est bien—. *Azom-pahoriana, azon-doza, fadiranovana, miferinaina, mahantra* loatra izy. Il est dans une situation malheureuse. *Fadiranovana* izy. 2°—, Mampahita loza, mampidi-doza, be voina. Entreprise malheureuse. Raharaha *mampahita loza, mampidi-doza*. Guerre malheureuse. Ady *mampahita loza, mampidi-doza*. Temps —. Taona *be voina*. ‖ *loc.* Avoir la main malheureuse. Mafàna tánana; *fig.* tsy ambinina. 3°—, Ratsy, tsinontsinona. Il habite un palais, et son frère est réduit à une malheureuse chambre. Mitoetra amy ny trano tsara izy, fa ny rahalahiny tsy manana afa-tsy efi-trano *ratsy*, etc.

—, *s.* 1° Ny mahantra, ny malahelo. Il aime à secourir les —. Tia ny mamonjy ny *mahantra*, etc., izy. 2°—, Ny ratsy fanahy. Ce — a frappé sa mère. Namono an-dreniny ilay *ratsy fanahy* io.

MALHONNÊTE, *adj.* 1° Ratsy fanahy, ratsy. Cette action est d'un — homme. *Ratsy fanahy* izay nanao izany. 2°—, Tsy mahalala fomba, tsy manaja, tsy misy fanajana. Homme —. Olona *tsy mahalala fomba, tsy manaja*. Comme Incivil.

MALHONNÊTEMENT, *adv.* 1° Amin-karatsiam-panahy. 2°—, Tsy amim-panajana.

MALHONNÊTETÉ, *sf.* Tsy fahalalana fomba, tsy fanajana.

MALICE, *sf.* 1° Hasomparana, haratsiana, zavatra iniana. Il a fait cela par —. *Hasomparana* no nanaovany izany. La — du péché. Ny *haratsian'* ny fahotana. Son discours était offensant, mais il n'y a pas entendu —. Nahatezitra hiany ny teny nataony, nefa tsy *niniany*, tsy nahiny, tsy satriny. 2°—, Sangy ratsy, kivazivazy ratsy. Il fait des malices plaisantes. Manao *sangy ratsy*, etc., mampihomehy izy.

MALICIEUSEMENT, *adv.* Amim-kasomparana.

MALICIEUX, EUSE, *adj.* et *s.* 1° Sompatra, mpisompatra, misy hasomparana. 2°—, Manao sangy ratsy, manao kivazivazy ratsy. Enfant —. Zazalahy *manao sangy ratsy*, etc.

MALIGNEMENT, *adv.* Amin-kasomparana.

MALIGNITÉ, *sf.* Hasomparana, haratsiana. L'hypocrisie cache la —. Ny fihatsarambelatsihy manafina ny *hasomparana*. La — de l'air. Ny *haratsian'* ny rivotra.

MALIN, IGNE, *s.* et *adj.* 1° Sompatra, mpisompatra, ratsy. C'est un esprit —. Olona *sompatra, mpisompatra* izy. L'esprit —. Ny fanahy *ratsy*. Cette herbe a une vertu maligne. Misy heriny *ratsy* amin' izany ahitra izany. Fièvre maligne. Tazo *ratsy*. 2°—, Manao sangy ratsy, manao kivazivazy ratsy, misy hasomparana, mamelively. C'est un enfant bien—. Zazalahy *manao sangy ratsy, manao kivazivazy ratsy* izy. Paroles malignes. Teny *misy hasomparana, mamelively*. 3°—, Fetsy, konjo, mamaky akotry. C'est un—. *Fetsy*, etc., izy.

MALINGRE, *adj.* Farofy, saozanina. Enfant —. Zaza kely *farofy*, etc.

MALINTENTIONNÉ, ÉE, *adj.* et *s.* Mikasa hanisy ratsy. Il est — à votre égard. *Mikasa hanisy ratsy* anao izy.

MAL-JUGÉ, *sm.* Fitsara-mitanila tsy satry.

MALLE, *sf.* 1° Vata fitondran' ny mpandeha, entana. Grande —. *Vata* be. Faire sa —. Mifehy *entana*. 2°—, Maily. La — est arrivée. Tonga ny *maily*.

MALLÉABILITÉ, *sf.* Ny ahazoana anjahina, — fisahina, — tefena.

MALLÉABLE, *adj.* 1° Azo anjahina, — fisahina, — tefena. Métal—. Metaly *azo anjahina*, etc. 2° *fig.* Mora toroana.

MALLETTE, *sf.* Vata kely.

MALMENER, *va.* Mamono, mamely, mandevilevy mafy loatra, mamoapoaka, mamelively. Comme Maltraiter.

MALOTRU, UE, *adj.* Tsy mahalala fomba, tsy manaja, kitokitoina.

MALPEIGNÉ, ÉE, *s.* Olona tsy mahadio tena.

MALPROPRE, *adj.* Maloto, misotisoty, misotitika, misolotidotika, tsy mahadio tena, vóretra, mikorondendy, mikesonkesona, mifotafota. Homme —. Lehilahy *maloto*, etc. Habits malpropres. Akanjo *maloto*. Mains malpropres. Tánana *maloto, misotisoty, misotitika, misolotidotika*. Chambre — Efi-trano *maloto, mikorondendy, mikesonkesona*. — en mangeant. *Mifotafota*.

MALPROPREMENT, *adv.* Amim-pahalotoana. ‖ *loc.* Travailler—. Manaonao foana.

MALPROPRETÉ, *sf* Fahalotoana, fi-

sotisoty, fisotitika, fisolotidotika, fikorondendy, fikesonkesona, fifotafota.

MALSAIN, AINE, *adj.* 1° Tsy salama, farary, farofy. Enfant—. Zaza kely *tsy salama*, etc. 2°—. Tsy mahasalama, mahafarofy. Air—. Rivotra *tsy mahasalama*, etc.

MALSÉANT, ANTE, *adj.* Tsy mety.

MALSONNANT, ANTE, *adj.* Tsy mety.

MALTRAITER, *va.* Mamono, mamely, mandevilevy mafy loatra, mamoapoaka, mamelively, mandratra, manimba. Il l'a maltraité de coups. *Namono, namely* azy izy. Il l'a maltraité de paroles. *Nandevilevy* azy *mafy loatra* izy. Il l'a maltraité dans un écrit. *Namoapoaka, namelively* azy tamy ny taratasy izy. Il a été maltraité dans le combat. *Naratra* tamy ny ady izy. La grêle a maltraité la vigne. *Simban'* ny havandra ny voaloboka.

MALVEILLANCE, *sf.* Hasomparana.

MALVEILLANT, ANTE, *adj.* et *s.* Sompatra, mpisompatra, misy hasomparana. Les malveillants ont fait courir ces bruits. Ny olon-*tsompatra*, ny *mpisompatra* no nampiely izany tsaho izany.

MALVERSATION, *sf.* Halatra ataon' ny mpitondra raharaha.

MAMAN, *sf.* Neny.

MAMELLE, *sf.* Nono, tohatra. Enfant à la —. Zaza *minono*. Les mamelles d'une vache. Ny *tohatr'* omby.

MAMELON, *sm.* 1° Loha nono. 2° —, Bongon-tany.

MAMMAIRE, *adj.* Amy ny nono.

MAMMIFÈRE, *adj.* et *sm.* Misy nono. Les mammifères. Ny biby *misy nono*.

MANANT, *sm.* Olona tsy mahalala fomba.

MANCHE, *sm.* 1° Zarana, harana, taho, tango. — d'un couteau. *Zaran'*antsy. — d'une bêche. *Zarana, haran'* angady. Cette cognée branle au —. Mihetsiketsika ity *zaram*-pamaky ity. — d'une cuillère. *Taho, tangon*-tsotro. 2° *fig.* Il ne faut pas jeter le — après la cognée. Tsy tokony ho kivy ambony hiany.

—, *sf.* 1° Tanan' akanjo. — étroite. *Tanan' akanjo* ety. Flanelle sans manches. Flanelina bory *tánana*. 2°—, Andilan-dranomasina.

MANCHETTE, *sf.* Loha tanan' akanjo.

MANCHON, *sm.* Fono anatsofohana ny tánana roa raha amy ny andro mangatsiaka.

MANCHOT, OTE, *adj.* et *s.* 1° Tapa-tánana, tapa-tsandry, bory tánana, maty tánana. 2° *fig.* Il n'est pas—. Havanambanana izy.

MANDARIN, *sm.* Lehibe amy ny Sinoa.

MANDARINE, *sf.* Laoranjy madinika.

MANDAT, *sm.* 1° Hafatra. Il a bien rempli son —. Nahatanteraka tsara ny *hafatra* natao taminy izy. 2°—, Taratasy fandraisam-bola. Il m'a donné un — sur son correspondant. Nomeny *taratasy fandraisam-bola* amy ny masoivohony aho. 3°—, Didy. — d'amener. *Didy* mba hitondra olona ho eo anatrehan' ny mpitsara. — d'arrêt. *Didy* mba hisambotra olona hatao an-tranomaizina.

MANDATAIRE, *sm.* Masoivoho, andrianjahonoany.

MANDEMENT, *sm.* Taratasy ampitondrain'ny eveka amy ny fari-tany fehezìny.

MANDER, *va.* 1° Mampandre. Je lui ai mandé cette nouvelle. *Nampandre* azy izany zava-baovao izany aho. 2°—, Manafatra, mampaka. On a mandé tous les parents. *Nohafarana, nampanalaina* ny havana rehetra.

MANDIBULE, *sf.* 1° Valanorano. 2°—, Vavam-borona. La — supérieure. Ny *vavam-borona* ambony.

MANDRIN, *sm.* Fandoahana vy mena.

MANDUCATION, *sf.* Fihinanana (ny Eokaristia).

MANÈGE, *sm.* 1° Famolahana soavaly. 2° —, Tokotany famolahana soavaly, — fampianarana mitaingin-tsoavaly. 3° —, Milina ahodin' ny biby. 4° *fig.* Hafetsena. Voilà un étrange — ! Endrey izany *hafetsena* !

MÂNES, *sm.* Avelo, ambiroa.

MANGEABLE, *adj.* Azo hanina.

MANGEAILLE, *sf.* Hanim-borona, hanina.

MANGEOIRE, *sf.* Tavin' omby, tavin-tsoavaly, etc.

MANGER, *va.* 1° Homana, mihinana. — du pain. *Homana*, etc., mofo. La rouille mange le fer. Ny harafesina *homana*, etc., ny vy. La rivière mange ses bords. *Hanin'* ny rano ny morondrano. 2° *fig.* Mandany foana, mikepoka, homana, mihinana, tsy manonona. — sa fortune. *Mandany foana, mikepoka* ny hareny. Les gros poissons mangent les petits. Ny hazandrano lehibe *homana, mihinana* ny madinika. Il mange son blé en herbe. *Homana* an-

tendrony ny harony izy, *haniny* antendrony ny hareny. — quelqu' un des yeux. *Mihinana* olona amy ny maso, mibanjina olona. — les mots. *Tsy manonona* tsara ny teny.

—, *vn*. Homana, mihinana, mitsamontsamona, mangaron-tánana. Il a été trois jours sans —. Tsy *nihinan*-kanina hatramy ny bateloana izy. Salle à —. Efi-trano *fihinanana*. — avec bruit. *Mitsamontsamona*. — avec les mains. *Mangaron-tánana*.

Se manger, *vpr*. 1° Azo hanina, fihinana. Ces fruits se mangent. *Azo hanina*, etc., ireo voankazo ireo. 2° —, Mifampihinana. Les loups ne se mangent pas entre eux. Tsy *mifampihinana* ny amboadia ; *fig*. mahay mifanaraka ny ratsy samy ratsy.

MANGER, *sm*. Hanina. Un — délicat. *Hanim*-py.

MANGE-TOUT, *sm*. Mpandany.

MANGEUR, EUSE, *s*. 1° Mahery homana. 2° *fig*. Mpandany.

MANGEURE, *sf*. Ny lanim-biby amy ny zavatra. Une — de souris. *Ny lanin' ny* totozy.

MANGUE, *sf*. Voamanga.

MANGUIER, *sm*. Foto-manga.

MANIABLE, *adj*. 1° Azo iasana, — anoratana, — tendrena. — tefena, — anaovan-javatra. Ce marteau n'est pas —. Tsy *azo iasana*, — *anaovan-javatra* ity tantánana ity. Ce fer est —. *Azo tefena*, — *anaovan-javatra* io vy io. 2° *fig*. Mora entina, — fehezina, — taritina. Il a un caractère —. *Mora entina*, etc., izy.

MANIAQUE, *adj*. et *s*. 1° Ondranondranana, manasatsasaka, very saina amy ny zavatra iray loha. 2° *fig*. Mihaitraitra, adala.

MANIE, *sf*. 1° Fanasatsasaka, fahaverezan-tsaina amy ny zavatra iray loha. 2° *fig*. Haitraitra, hadalana. Il a des manies. Be *haitraitra* izy. Il a la — des tableaux. *Adalan*-tsary izy.

MANIEMENT, *sm*. 1° Fitsapana. 2° —, Fiasana, asa, fanoratana, fitendrena, fanetena, fanosorana, fitondrana, fampiasana. Le — du fusil. Ny *asa* basy. 3° *fig*. Fitondrana, fifehezana, fitarihana, fiandraiketana. Il a le — de beaucoup d'affaires. *Mitondra*, *mitarika*, *miandraikitra* raharaha maro izy.

MANIER, *va*. 1° Mitsapa, mandrairay, mamadibadika. — une étoffe. *Mitsapa*, etc., lamba. 2° —, Miasa, manoratra, mitendry, manefy, miady, manosotra, mitondra, mampiasa. Il manie bien le marteau. Mahay *miasa* amy ny tantánana izy. Il manie bien la plume. Mahay *manoratra* izy. Il manie bien le violon. Mahay *mitendry* lokangam-bazaha izy. Il manie bien le fer. Mahay *manefy* vy izy. Il manie bien le sabre. Mahay *ady* sabatra izy. Ce peintre manie bien la couleur. Mahay *manoso*-doko io mpanao sary io. Il manie bien son cheval. Mahay *mitondra*, *mampiasa* ny soavaliny izy. 3° *fig*. Mandahatra, mitondra, mifehy, mitarika, miandraikitra. Il manie bien la parole. Mahay *mandaha*-teny izy. Il sait l'art de — les esprits. Mahay *mitondra*, *mifehy*, *mitarika* olona izy. Il a bien manié cette affaire. *Nitondra* tsara izany raharaha izany izy. Il manie les finances de l'État. *Mitondra*, *mitarika*, *miandraikitra* ny volam-panjakana izy.

Se manier, *vpr*. Entina, fehezina, taritina. Une école ne se manie pas facilement. Tsy mora *entina*, etc., ny sekoly.

MANIÈRE, *sf*. 1° Toetra, fomba, fanao, mahazatra, fan..., fi.... C'est sa — d'être *Toetrany* izany. Chacun à sa —. Samy manana ny *toetrany*, ny *fombany*, ny *fanaony*, ny *mahazatra* azy avy. Il écrit à sa —. Manoratra araka izay *mahazatra* azy izy. C'est sa — de marcher. Izany no *fan*dehany. C'est sa — de parler. Izany no *fi*teniny. C'est une — de parler. *Fombam*-pitenenana izany. ‖ *loc*. De cette —. Tahaka izany. De quelle — ferai-je cela? Atao ahoana no hanaovako izany? De quelque — que ce soit. Na manao ahoana na manao ahoana. Il remplit ses fonctions par — d'acquit. Miala safay amy ny raharahany izy, manao tsirambindrambina ny raharahany izy. 2° —, Angolangola, angentsana, angeso. Son discours sent la —. *Miangolangola*, *miangentsana*, *miangeso* ny laha-teniny. 3° —, *pl*. Fanao, fomba, toetra, sata. Il a des manières agréables. Mahafinaritra ny *fanaony*, ny *fombany*, ny *toetrany*. Il a des manières rudes. Mahery *sata* izy. Il a des manières douces. Mampisebo halemem-panahy ny *toetrany*, malemy paika izy.

De manière que, *loc. conj*. Ary amin' izany, ary noho izany, any ka. Comme De façon que.

MANIÉRÉ, ÉE, *adj*. Miangolangola, miangentsana, miangeso, midoladola, mitihintihina, midihindihina, jenitra. Voy. Affecté.

MANIFESTATION, *sf.* Fanehoana, fampisehoana, famosahana. La parole sert à la — de la pensée. Ny teny no entina *haneho, hampiseho, hamosaka* ny hevitra ao am-po.

MANIFESTE, *adj.* Miharihary. Erreur —. Hadisoan-kevitra *miharihary*.

—, *sm.* Taratasy famosahan-kevitra avoakan' ny mpanjaka na ny filohan' ny andaniny anankiray.

MANIFESTEMENT, *adv.* An-karihary.

MANIFESTER, *va.* Manambara, maneho, mampiseho, mamosaka. —sa pensée. *Manambara, mampiseho, mamosaka* ny heviny. Dieu a manifesté son pouvoir. Efa *naneho, nampiseho* ny fahefany Andriamanitra.

Se manifester, *vpr.* Miseho, miposaka. Jésus-Christ se manifesta aux Apôtres. Jeso-Kristy *niseho* tamy ny Apostoly.

MANIGANCE, *sf.* Fanaovana an-kafetsen-dratsy, famoronan-tsain-dratsy.

MANIGANCER, *va.* Manao an-kafetsen-dratsy, mamoron-tsain-dratsy.

MANIOC, *sm.* Mangahazo.

MANIPULATEUR, *sm.* Mpamotsipotsika, mpanamboatra, mpanavaka, mpampifangaro.

MANIPULATION, *sf.* Famotsipotsehana, fanamboarana, fanavahana, fampifangaroana.

MANIPULER, *va.* et *vn.* Mamotsipotsika, manamboatra, manavaka, mampifangaro. Ce pharmacien manipule fort bien. Mahay *mamotsipotsika, manamboatra* fanafody io mpanao fanafody io. Ce chimiste manipule fort bien. Mahay *manavaka, mampifangaro* zavatra io mpahay kemistra io.

MANIVELLE, *sf.* Fanodinana.

MANNE, *sf.* Mana.

MANNEQUIN, *sm.* 1° Sariolona ampiakanjoina tokoa. 2° *fig.* C'est un vrai —. Tena manaiky lempona izy.

MANŒUVRE, *sm.* Maromita, mpitaom-peta, mpanolo-drihitra.

—, *sf.* 1° Fitondran-tsambo, fanamboarana fomban-tsambo. 2° —, Famindrana, fihetsehana, fampihetsehana. Les manœuvres de la dernière revue ont été fort bien exécutées. Lavorary ny *famindra*, ny *fihetsiky* ny miaramila tamy ny matso farany. Les savantes manœuvres de ce général ont décidé la victoire. Ny fahaizan' io jeneraly io *nampihetsika* ny miaramilany no nahazoany fandresena. 3° *fig.* Izay ahatanterahana, fitondrana, famoronana sain-dratsy. À force de manœuvres il a supplanté ses concurrents. Nahery *namorona sain-dratsy* izy ka resiny izay nifaninana taminy.

MANŒUVRER, *va.* Mitondra, manamboatra. Il sait — son navire. Mahay *mitondra* ny sambony izy. Les matelots manœuvrent bien les voiles. Mahay *manamboatra* ny lain-tsambo ny matiló.

—, *vn.* 1° Mitondra sambo, manamboatra fomban-tsambo. 2° —, Mamindra, mihetsika, mampihetsika. Les soldats ont bien manœuvré. *Namindra, nihetsika* tsara ny miaramila. Le général manœuvra habilement. Nahay *nampihetsika* ny miaramila ny jeneraly. 3° *fig.* Manao izay ahatanterahana, mitondra, mamorona sain-dratsy. Il a bien manœuvré dans cette affaire. *Nanao* tsara *izay ahatanterahana, nitondra* tsara izany raharaha izany izy.

MANOIR, *sm.* Trano, fonenana.

MANQUE, *sm.* Tsy fananana, tsy fisiana, tsy fahampiana. Le — d'argent en est cause. Ny *tsy fananana,* etc., vola no anton' izany. C'est le — de chaleur qui a fait retarder la moisson. Ny *tsy fisian'* ny hainandro no nahela ny fahamasahan' ny vary.

MANQUÉ, ÉE, *adj.* Tsy vita tsara, tsy tanteraka. Ouvrage —. Asa *tsy vita tsara*. Projet —. Fikasana *tsy tanteraka*.

MANQUEMENT, *sm.* Hadisoana kely. Il n'y a personne qui ne soit sujet à quelque —. Tsy misy olona tsy manao *hadisoana kely*.

MANQUER, *vn.* 1° Diso. Tous les hommes peuvent —. Mety ho *diso* ny olombelona rehetra. 2° —, Mianjera, maty, maty afo, miletsy, misolafaka. Cette maison a manqué par les fondements. *Nianjera* noho ny halemin' ny vodiny io trano io. S'il vient à —, sa famille est ruinée. Raha tahiny *maty* izy, hahantra ny fianakaviany. Son fusil manqua. *Maty afo* ny basiny. La terre manqua sous ses pieds. *Niletsy* ny tany nitsahiny. Le pied lui a manqué. *Nisolafaka* ny tongony. 3° *fig.* Tsy mahaloa trosa, tsy manana, tsy ampy, tsy afaka, tsy misy, tsy ao, tsy tanteraka, tsy, saika. Ce banquier a manqué. *Tsy nahaloa trosa* io mpitana banky io. Les forces lui manquent. *Tsy manan*-kery izy. L'argent lui manque. *Tsy manam*-bola izy, *tsy ampy* ny volany. Je suis si

effrayé que la parole me manque. Azontahotra loatra aho, ka *tsy afa*-miteny. La récolte a manqué. *Tsy nisy* ny vokatra. Il manque de tout. *Tsy manana* na inona na inona izy. Il manque de foi. *Tsy manam*-pinoana, *tsy ampy* finoana izy. Il ne manque pas d'esprit. *Manan*-tsaina hiany izy. Vous manquiez seul à la fête. Hianao irery no *tsy tao* amy ny fety. Le projet a manqué. *Tsy tanteraka* ny fikasana. Il manque de mémoire. *Tsy* mahatadidy izy. Il a manqué de tomber. *Saika* potraka izy. 4°—, Diso, mandiso, manadino, tsy manao, mivadika, manary. Il a manqué au rendez-vous. *Diso, nandiso* fotoana izy. Ne manquez pas de vous trouver au rendez-vous. Aza *manadino* ny ho tonga amy ny fotoana. Il a manqué à son devoir. *Tsy nanao* izay tokony hataony izy. Il a manqué à sa parole. *Nivadika* ny teny napetrany izy. Il a manqué à ses amis. *Nanary* ny sakaizany izy.

—, *va*. Mifandiso, tsy mahatanteraka, tsy mahavoa, saika. Je suis arrivé trop tard, j'ai manqué cet homme. Tratra aoriana loatra aho, ka *nifandiso* tamin'izay olona izay. J'ai manqué mon affaire. *Tsy nahatanteraka* ny raharahako aho. J'ai manqué la perdrix. *Tsy nahavoa* ny tsipoy aho. S'il me manque, je ne le manquerai pas. Raha *tsy mahavoa* ahy izy, ho *voako*. La balle a percé votre chapeau, vous l'avez manqué belle. Voagorobaky ny bala ny satrokao, ka *saika* nahita loza hianao.

MANSARDE, *sf*. Efi-trano farany ambony indrindra.

MANSUÉTUDE, *sf*. Halemem-panahy.

MANTE, *sf*. 1° Kapaoty kelim-behivavy. 2°—, Famakiloha.

MANTEAU, *sm*. 1° Kapaoty. 2° *fig*. Sous le — de la dévotion il cachait de mauvais desseins. Nody tia vavaka izy, kanjo nisy hevi-dratsy niafina tao am-pony.

MANTELET, *sm*. Kapaoty kely.

MANUEL, *sm*. Boky kely fianaran-javatra. —de piété. *Boky* fivavahana.

MANUEL, ELLE, *adj*. Atao amy ny tánana. Travail —. Asan-*tánana*.

MANUFACTURE, *sf*. 1° Fanaovan-taozavatra, 2°—, Trano fanaovan-taozavatra. —de porcelaines. *Trano fanaovana* porosolaina. Il a établi une — de draps. Nanorina *trano fanaovan*-dopótra izy.

MANUFACTURIER, *sm*. Tompo na mpitandrina ny trano fanaovan-taozavatra.

MANUFACTURIER, IÈRE, *adj*. Momba ny taozavatra, be fanaovan-taozavatra. Industrie manufacturière. Fahaizan-*taozavatra*. Pays —. Tany *be fanaovan-taozavatra*.

MANUSCRIT, ITE, *adj*. Nosoratantánana. Pièce manuscrite. Taratasy *nosoratan-tánana*.

—, *sm*. Boky sora-tánana. Il a vendu son — à l'imprimeur. Namidiny tamy ny mpanao printy ny *boky nosoratany*.

MANUTENTION, *sf*. Fitandremana, fitondrana. Je lui ai confié la —de mes affaires. Nofidiko mba *hitandrina, hitondra* ny raharahako izy.

MAPPEMONDE, *sf*. Sarin-tanin' izao tontolo izao.

MAQUIGNON, *sm*. Mpivaro-tsoavaly.

MAQUIGNONNAGE, *sm*. Fivarotantsoavaly.

MAQUIGNONNER, *va*. Mivaro-tsoavaly takontakonana.

MARABOUT, *sm*. Mpisorona amy ny Silamo.

MARAIS, *sm*. Hotsaka, heniheny, farihy. —salant. *Farihy* fakan-tsira.

MARASME, *sm*. Habia, hahiazana, hakangoaza.

MARÂTRE, *sf*. 1° Renikely. 2° *fig*. Reny lozabe.

MARAUD, AUDE, *s*. Karilahy, karivavy, karin'olona, karin-javatra, olontsy vanona, fetsy ratsy.

MARAUDE, *sf*. Fifetsena voankazo. Cet écolier a été pris en —. Azo *nifetsy voankazo* io mpianatra io.

MARAUDER, *vn*. Mifetsy voankazo.

MARAUDEUR, *sm*. Mpifetsy voankazo.

MARBRE, *sm*. Marba, vato vandana, vato maramara.

MARBRÉ, ÉE, *adj*. Vandana, maramara. Papier —. Taratasy *vandana*, etc.

MARBRER, *va*. Mamandambandana. —un livre sur tranche. *Mamandambandana* vava boky.

MARBRERIE, *sf*. Fanamboarana ny marba.

MARBREUR, *sm*. Mpamandambandana.

MARBRIER, *sm*. Mpanamboatra marba.

MARBRIÈRE, *sf.* Tany fihadiana marba.

MARBRURE, *sf.* Fivandambandlana.

MARC, *sm.* Faika. —de raisin. *Faikamboaloboka.*

MARCASSIN, *sm.* Zana-dambo.

MARCHAND, ANDE, *s.* Mpivarotra. —en gros. *Mpivarotra* am-bongadiny. —en détail. *Mpivarotra* an-tsinjarany. —drapier. *Mpivaro*-dopótra.

—, *adj.* Be varotra, tia varotra, mpitondra varotra. Ville marchande. Tanána *be* varotra. Nation marchande. Firenena *tia varotra.* Bâtiment —. Sambo *mpitondra varotra.* Capitaine —. Kapitenin-tsambo *mpitondra varotra.*

MARCHANDAGE, *sm.* Fiadiam-barotra.

MARCHANDER, *va.* 1° Miady varotra. Il marchande ce cheval. *Miady varotra* io soavaly io izy. 2° *fig.* Ne pas — sa vie. Mahafoy aina, milofo.

—, *vn.* 1° Miady varotra. 2° *fig.* Misalasala. Il n'y a pas à —. Tsy misy *isalasalana.*

MARCHANDEUR, EUSE, *s.* Mpiady varotra.

MARCHANDISE, *sf.* 1° Varotra, entam-barotra, entana. On a saisi ses marchandises. Nobaboina ny *varony,* etc. Étaler sa —. Mamelatra *entana.* Faire valoir sa —. Manao dokam-*barotra*; *fig.* mandoka tena. 2° *fig.* Il débite bien sa —. Mahay milaza, matavy filaza izy.

MARCHE, *sf.* 1° Dia, fandeha, fandehanana, fandrosoana, lálana. Hâtez votre —. Hafaingano ny *dianao.* Ralentissez votre —. Adanadano ny *dianao,* ny *fandehanao.* Ils ont fait une longue —. *Nandeha* ela izy ireo. — forcée. *Dia* ezakezaka. La — d'un navire. Ny *fandehan'* ny sambo. L'armée est en —. *Mandroso,* mby an-*dálana* ny tafika. Nous avons été huit jours en —. Havaloan' andro izahay no teny an-*dálana,* havaloan' andro izahay *nandeha* hiany. Il y a d'ici là quatre jours de —. *Lálana* hefarana hatreto ka hatrany. Ouvrir la —. Loha *lálana.* Fermer la —. Vody *lálana.* 2° *fig.* Fandroso. La — de la civilisation. Ny *fandroson'* ny sivilizasiona. J'observe la —des affaires. Mandinika ny *fandroson'* ny raharaha aho.

MARCHE, *sf.* Ambaratonga. — d'escalier. *Ambaratongan*-tohatra.

MARCHÉ, *sm.* 1° Tsena. Aller au —, *Miantsena.* Le — du mercredi. Ny *tsena* Alarobia. Nous verrons le cours du —. Ho hitantsika ny vidiny any an-*tsena.* 2°—, Zavatra novidina. Montrez-moi votre —. Asehoy ahy ny *zavatra novidinao.* 3°—, Varotra, vidy. Le — est conclu. Tapaka ny *varotra.* Le riz est à bon—. Mora *vidy,* mirarirary ny vary. C'est à très bon —, c'est un — donné. Mora *vidy* indrindra, boba, nangatahina izany. ‖ *loc.* C'est un — d'or. Raikitra ny nahazoana azy. On vit à bon — dans cette ville. Kely ny lany ivelomana amin' izany tanána izany. Il fait bon — de sa vie. Tsy mitsitsy ny ainy izy. Vous aurez bon — de lui au jeu. Hahafaty azy mora foana amy ny loka hianao. Il en est quitte à bon —. Afaka moramora izy. Il m'a refusé ce que je lui demandais, et par-dessus le — il m'a dit des injures. Nolaviny izay nangatahiko taminy, ary fanampin' izany dia naniratsira ahy indray aza izy.

MARCHEPIED, *sm.* 1° Ambaratonga fiakarana, fandiavana. — de l'autel. *Ambaratonga fiakarana* amy ny otely. 2° *fig.* Ambaratonga. Cette place lui a servi de — pour arriver au ministère. Izany raharaha izany no tonga *ambaratonga* hahatongavany ho ministra.

MARCHER, *vn.* 1° Mamindra, mandeha, mandroso. Cet enfant ne marche pas encore. Tsy mbola *mamindra, mandeha* ity zaza kely ity. Enfant qui commence à —. Zaza vao miana-*mandeha,* mitan-tsarasampy. —sur l'herbe. *Mandeha* ambonin' ny ahitra. Nous avons marché toute la nuit. *Nandeha* nandritra ny alina izahay. Les troupes marchent à l'ennemi. *Mandroso* hamely ny fahavalo ny miaramila. Ma montre marche bien. *Mandeha* tsara ny famantaranandroko. ‖ *loc.* —à reculons. Manao dia mianótra, mianótra, mihemotra. —fièrement. Miedikedika, miedinedina. —à grands pas. Manao dingan-dava. —au hasard. Manavatsava. —doucement, —à pas de loup. Miadanadana, mitsaitsaika, mijaikojaiko. —lentement, —à pas de tortue. Miadana, midraiko. —courbé. Mijokojoko. —à quatre pattes. Mandady. —comme les canards. Miletaleta, militalita. —les jambes écartées. Midehadeha. —à la suite les uns des autres. Mitanjozotra. —ensemble. Miara-dia, miray dia. —sur quelque chose. Manitsa-javatra. Vous me marchez sur le pied. *Manitsaka* ny tongotro hianao. 2° *fig.* Mandroso, manda-

lo, mandeha, efa ho. L'esprit humain marche sans cesse. *Mandroso* lalandava ny sain'ny olombelona. Cette affaire ne marche pas. Tsy *mandroso* izany raharaha izany. Le temps marche avec rapidité. *Mandalo* haingana ny andro. —droit. *Mandeha* mahitsy. Cet État marche vers sa ruine. *Efa ho* rava izany fanjakana izany. || *loc.* —sur les traces de quelqu'un. Mianatra olona, mandia ny lalana nalehan'olona. —sur des épines. Mandry an-driran'antsy. Il a marché sur quelque mauvaise herbe. Misy zavatra mahasosotra azy.

MARCHER, *sm.* Fandeha. Je le connais à son —. Ny *fandehany* no ahafantarako azy.

MARCHEUR, EUSE, *s.* Mpandeha, mahery mandeha.

MARCOTTAGE, *sm.* Fanaovana tsindry ladina.

MARCOTTE, *sf.* Tsindry ladina.

MARCOTTER, *va.* Manao tsindry ladina.

MARDI, *sm.* Talata.

MARE, *sf.* Dobo.

MARÉCAGE, *sm.* Honahona, heniheny.

MARÉCAGEUX, EUSE, *adj.* Mangonahona, mangoniheny, petsapetsa. Terrain —. Tany *mangonahona*, etc.

MARÉCHAL, *sm.* 1° Mpanao kitrovintsoavaly. 2°—, Marosaly.

MARÉE, *sf.* Fisondrotra sy fisinton'ny ranomasina. La — monte. *Misondrotra ny ranomasina.* La — descend. *Misintona ny ranomasina.*

MARELLE, *sf.* Soritra fanaovana tongo-dovia. Jouer à la —. Manao *tongodovia.*

MARGE, *sf.* 1° Sisin-taratasy tsy voasoratra, marjina. 2° *fig.* Avoir de la —. Malalaka. Donner de la — à quelqu'un. Mamela *malalaka* olona.

MARGINAL, ALE, *adj.* Amy ny marjina.

MARGUERITE, *sf.* Anaram-boninkazo.

MARGUILLER, *sm.* Mpitandrina ny fananan'ny fiangonana katolika anankiray.

MARI, *sm.* Vady, lahy. Elle arrive avec son —. Tamy miaraka amy ny *vadiny, lahy* izy, tamy izy *mivady.*

MARIABLE, *adj.* Tokony hanambady. Elle n'est pas encore—. Tsy mbola *tokony hanambady* izy.

MARIAGE, *sm.* Fampakaram bady, fanambadiana, mariazy. Demain aura lieu le—du prince. Rahampitso no hanaovana ny *fampakaram-bady*, ny *mariazin'* ny printsy. Il a fait un heureux —. Nambinina tamy ny *fanambadiany* izy. Le sacrement de —. Ny sakramentan'ny *mariazy.*

MARIÉ, ÉE, *adj.* et *s.* Manambady, mpampakatra, nampakarina. Il est—. *Manambady* izy. Voici les nouveaux mariés. Indro ny *mpanambady.* Où est le nouveau —? Aiza ny *mpampakatra* ? Voilà la nouvelle mariée. Indro ny vao *nampakarina.*

MARIER, *va.* 1° Mitso-drano na manoratra fanambadiana, mitso-drano mariazy, mampanambady. Voilà le prêtre qui les a mariés. Indro ny pretra izay *nitsodrano* ny *fanambadiany*, ny *mariaziny.* Son père l'a marié à la fille de son ami. *Nampanambadin*-drainy ny zanakavavin' ny sakaizany izy. 2° *fig.* Mampifanaraka.

Se marier, *vpr.* 1° Mampaka-bady, manambady, mivady. Quand vous marierez-vous? Rahoviana no *hanambady* hianao? Ils se sont mariés l'an dernier. Taona itsy no *nivadian'* izy ireo. 2° *fig.* Mifanaraka. Sa voix se marie bien à cet instrument. *Mifanaraka* tsara amin' izany zava-maneno izany ny feony.

MARIEUR, EUSE, *adj.* Mpanamboatra fanambadiana.

MARIN, INE, *adj.* 1° Amy ny ranomasina. Plante marine. Zava-maniry *amy ny ranomasina.* 2°—, Momba ny sambo. Carte marine. Sarin-tany fitondran-*tsambo.* Il a le pied —. Mahay mandeha eny an-*tsambo* izy.

—, *sm.* Tantsambo. Habile—. *Tantsambo* mahay.

MARINADE, *sf.* Hena voaotrika.

MARINE, *sf.* 1° Fitondran-tsambo. Il connaît la—. Mahay ny *fitondran-tsambo* izy. 2°—, Sambo. Il est officier de—. Manamboninahitra an-*tsambo* izy. Cet État n'a point de —. Tsy manan-*tsambo* mpiady izany fanjakana izany. La—marchande. Ny *sambo* rehetra mpitondra varotra.

MARINER, *va.* Manamboatra hazandrano hotahirizina, manotrika hena.

MARINIER, *sm.* Mpanamory lakan-drafitra.

MARIONNETTE, *sf.* 1° Sariolona he-

tsiketsehina. 2° *fig*. Olona manaiky lempona.

MARITAL, ALE, *adj*. Any ny lahy. Pouvoir—. Fahefan' *ny lahy*.

MARITALEMENT, *adv*. Hoatra ny mpivady.

MARITIME, *adj*. 1° Amoron-dranomasina. Ville —. Vohitra *amoron-dranomasina*. 2°—, Momba ny sambo, be sambo. Lois maritimes. Lalána *momba ny sambo*. Le commerce — s'est développé. Nitombo ny fandrantoana an-*tsambo*. Nation —. Firenena *be sambo*.

MARMAILLE, *sf*. Ankizy madinika maro. Faites taire cette —. Asaovy mangina ireo *ankizy madinika* ireo.

MARMELADE, *sf*. Voankazo andrahoina amy ny siramamy atao mohaka. En —. *Mohaka*, motraka; *fig*. torotoro. Viande en —. Hena *mohaka, motraka*. Il a reçu un coup qui lui a mis la mâchoire en —. Voadona mafy izy, ka *torotoro* ny valanoranony.

MARMITE, *sf*. 1° Vilany. —de fonte. *Vilany* vy. 2°—. Ny ao am-bilany, iray vilany. La—bout. Mangotraka *ny ao ambilany*. On leur distribua une —de haricots. Tsaramaso *iray vilany* no nozaraina ho azy ireo.

MARMITON, *sm*. Mpanampy ny mpahandro.

MARMOT, *sm*. 1° Kotokely. 2° *fig*. Croquer le —. Miandry ela, sasa-miandry.

MARMOTTE, *sf*. B.by matory mandritra ny ririnina.

MARMOTTER, *va*. Mimonomonona, mingonongonona.

MARMOUSET, *sm*. Kotokely.

MARNE, *sf*. Tany misy sokay azo atao zezika.

MARONNER, *vn*. Mimonomonona, misamonomonona, mimoimoy, manao teny an' orona.

MAROQUIN, *sm*. Hoditr' osy voaloua, hoditrimo. Reliure en —. Fonom-boky atao amy ny *hoditr'osy*, etc.

MAROQUINÉ, ÉE, *adj*. Mandrotsirotsy. Voy. CHAGRINÉ.

MAROQUINER, *va*. Mandrotsy. — des peaux de veau. *Mandrotsy* hodi-janak' omby.

MAROTTE, *sf*. Zavatra mahadala. Il est entêté de cette opinion, c'est sa —. Mitompo teny fantatra amin' izany hevitra izany izy, izany no *mahadala* azy.

MARQUANT, ANTE, *adj*. Fantatr' olona, malaza Une personne marquante. Olona *fantatr' olona*, etc.

MARQUE, *sf*. 1° Marika, famantarana. La — du linge. Ny *mari*-damba. Mettre la — sur de la vaisselle. Manisy *marika* ny lovia. Ce chien a une — au front. Misy *marika, famantarana* amy ny handriny izany alika izany. Mettez une — à ce livre. Asivy *marika* io boky io. 2°—, Dia, holatra, sokitra. Les marques des griffes d'un chat. Ny *dian*-kohontsaka. Les marques de ses doigts sont sur toutes les pages de ce livre. Isampejy amin' ity boky ity feno ny *diantánany*. Il a été blessé au front, la — y est encore. Naratra ny handriny, ka mbola ao ny *holatra*. La petite-vérole laisse des marques. Mampisy *sokitra* ny nendra 3° *fig*. Famantarana, fanambarána, fampisehoana. La gaieté est la — du bonheur. Ny hafaliana no *famantarana* ny fahasambarana. Le nuage peut être une — de pluie. Ny rahona dia azo *amantarana* ny fihavian' ny ranonorana. Il m'a donné des marques d'affection. *Nampiseho* ny fitiavany ahy izy.

MARQUÉ, ÉE, *p*. et *adj*. 1° Voamarika, nomarihina, misy marika, —famantarana. 2°—, Misy dia, — holatra, — sokitra. 3° *fig*. Mazava, miharihary. Il a un but —. *Mazava*, etc., ny zavatra kendreny.

MARQUER, *va*. 1° Manamarika, manisy marika, — famantarana. — des arbres. *Manamarika*, etc., foto-kazo. —un bœuf. *Manamarika* omby. — dans un livre l'endroit où l'on a cessé de lire. *Manamarika* izay nijanonana amy ny boky novakina. 2°—, Manisy holatra, manisy sokitra. 3° *fig*. Manendry, manoro, manambara, mampiseho. Dieu avait marqué le jour de leur chute. Andriamanitra *nanendry* ny andro ionganan' izy ireo. Je lui ai marqué ce qu'il doit faire. Efa *natoroko* azy izay tsy maintsy hataony. Son regard marque la colère. *Manambara, mampiseho* hatezerana ny fijeriny. Je lui ai marqué mon mécontentement. *Nasehoko* azy ny hasosorako.

—, *vn*. Ce cheval marque encore. Mbola tanora io soavaly io.

Se marquer, *vpr*. Manamarika ny tenany.

MARQUETÉ, ÉE, *adj*. Vandana, maramara. Peau marquetée. Hoditra *vandana*, etc.

MARQUETER, *va.* Mamandambandana.

MARQUETERIE, *sf.* Rafi-kazo samihafa volo. Un parquet de —. Ngorodona natao tamy ny *rafi-kazo samihafa volo.* — de marbre. *Rafi-bato* marba *samihafa volo.*

MARQUEUR, EUSE, *s.* Mpanamarika, mpanisy marika.

MARQUIS, *sm.* Andriandahy manarakaraka ny *duc.*

MARQUISAT, *sm.* Vodivonan' ny *marquis.*

MARQUISE, *sf.* Andriambavy manarakaraka ny *duchesse,* vadin' ny *marquis.*

MARRAINE, *sf.* Reny amy ny batemy.

MARRON, *sm.* 1° Karazam-boankazo. 2° —, Karazan-tsipoapoaka.

—, *adj.* Mavo manja. Habit—. Akanjo *mavo manja.*

MARRON, ONNE, *adj.* et *s.* Nilefa. Esclave—. Andevo *nilefa.*

MARRONNIER, *sm.* Karazan-kazo mamoa.

MARS, *sm.* Volana fahatelo amy ny volana vazaha.

MARSOUIN, *sm.* Lambondrano, lambondriaka.

MARTEAU, *sm.* 1° Tantánana, marotó. Cogner avec un —. Mively amy ny *tantánana,* etc. — d'horloge. *Tantánandakolosim-pamantaranandro.* 2° *fig.* Être entre l'enclume et le—. Teren-doza roa. Avoir un petit coup de —. Manasatsasaka, mihaitraitra.

MARTELER, *va.* Mively amy ny tantánana.

MARTELET, *sm.* Tantánana madinika.

MARTIAL, ALE, *adj.* Mahery fo, — an'ady. Il a un air —. Mitoetr'olo-*mahery fo,* etc., izy.

MARTINET, *sm.* 1° Fampohaza. 2° —, Kotopia. 3° —, Karazan-tsidintsidina.

MARTINGALE, *sf.* Anja-koditra fihazonana ny lohan-tsoavaly tsy hitraka.

MARTIN-PÊCHEUR, *sm.* Vintsy.

MARTRE, *sf.* Karazam-biby malemy volo mitovitovy amy ny kary.

MARTYR, YRE, *s.* 1° Martiry. Saint Etienne est le premier —. Md. Etiena no *martiry* voalohany. 2° *fig.* Mijaly mafy. Il est — de la goutte. *Mijaly mafy* izy azon' ny gaotra.

MARTYRE, *sm.* 1° Martiry. Il ne craint pas le —. Tsy matahotra ho *martiry* izy. 2° *fig.* Fijaliana mafy. Ce mal fait souffrir le —. *Mampijaly mafy* izany aretina izany.

MARTYRISER, *va.* 1° Mamono ho martiry. 2° *fig.* Mampijaly mafy.

Se martyriser, *vpr.* Mampijaly tena mafy.

MARTYROLOGE, *sm.* Boky misy ny anaran' ny Martiry sy ny Olo-masina.

MASCARADE, *sf.* 1° Fisaronan-tava amy ny sary. 2° —, Olona maro misaron-tava amy ny sary.

MASCULIN, INE, *adj.* Any ny lahy. La ligne masculine. Ny tamingan' *ny lahy.*

—, *sm.* Maskolína.

MASQUE, *sm.* 1° Sary atao saron-tava. — de carton. *Sary* baoritra *atao saron-tava.* 2° —, Olona misaron-tava amy ny sary. Les enfants courent après les masques. Ny ankizy madinika manjohy ny *olona manao saron-tava.* 3° *fig.* Sarona, fihatsarambelatsihy. Son — est tombé. Miseho ny *fihatsarambelatsihiny.* ‖ *loc.* Quitter le —. Miseho araka ny toetrany.

MASQUER, *va.* 1° Manaron-tava amy ny sary. 2° *fig.* Manafina, manarona, manakona. — ses desseins. *Manafina* ny kasainy hatao. Il masque sa dépravation sous les dehors de la piété. *Saronany* fitiavam-bavaka ny fitondran-tenany ratsy. Le bois masque la rivière. *Takon'* ny ala ny renirano.

Se masquer, *vpr.* 1° Misaron-tava amy ny sary. 2° *fig.* Mody. Il se masque sous les dehors de la dévotion. *Mody* tia vavaka izy.

MASSACRANTE, *adj. f.* Il est d'une humeur—. Kitokitoina izy.

MASSACRE, *sm.* 1° Vonoana olona, famonoana olona, fandringanana, fandripahana. Il se fit un horrible —. Nisy *vonoana olona* mahatsiravina. 2° *fig.* Mpanaonao foana. Ne vous servez pas de cet ouvrier, c'est un —. Aza mampanao io mpiasa io, fa *mpanaonao foana* izy.

MASSACRER, *va.* 1° Manao vonoana olona, mamono, mandringana, mandripaka. On massacra quatre mille personnes. Olona efatra arivo no *novonoina, naringana, naripaka.* 2° *fig.* Manaonao foana, manao fahatany. Ce tailleur a massacré mon habit. *Nataolaon'* io

mpanjaitra io *foana, fahatany* ny akanjoko.

MASSACREUR, *sm.* Mpanaonao foana, — fahatany.

MASSAGE, *sm.* Fanorana.

MASSE, *sf.* 1° Antontany, vainga. Ce bâtiment n'est qu'une — de pierres. Hoatra ny *antontam*-bato izany trano izany. Une — de plomb. *Vaingam*-piraka. L'ours en naissant paraît n'être qu' une —. Hoatra ny *vaingan*-javatra ny orsa raha vao teraka. ‖ *loc.* C'est une — de chair. Botata be izy; *fig.* donto saina izy. 2°—, Rehetra, habetsahana, ny ankamaroany, ny ankabiazany, ny be sy ny maro, ny ankapobe. La — du sang. Ny ra *rehetra* ao anatin' ny vatana. La — des connaissances humaines. Ny zavatra *rehetra* hain' ny olona. Une — de plumes. Volom-borona *betsaka*. La — des citoyens. Ny *ankamaroany*, ny *ankabiazan'* ny mponina. S'adresser aux masses. Miraharaha amy ny *be sy ny maro*. Ce bâtiment présente une belle —. Tsara io trano io, raha ny *ankapobeny* no jerena. 3°—, Rakitra. Verser à la—. Mandatsaka amy ny *rakitra*.

En masse, *loc. adv.* Daholo, rehetra. On fit une levée en — des citoyens. Natao miaramila *daholo* ny mponina, ny mponina *rehetra*, natao rebik' ondry ny mponina.

MASSEPAIN, *sm.* Karaza-mofo mamy.

MASSER, *va.* 1° Manótra. 2°—, Mampifanety laharana. — l'infanterie. *Mampifanety laharana* ny miaramila antongotra.

MASSETTE, *sf.* Vondrona.

MASSIF, IVE, *adj.* 1° Matevina, botatabe, tsy mailaka. Menuiserie massive. Rafitra *matevintevina*. Cet homme est trop —. *Matevintevina* loatra, *botatabe* io lehilahy io. Ce bâtiment est trop—. *Tsy* mba *mailamailaka* io trano io. 2°—, Tsy poaka aty. Il a une croix d'argent —. Manana sarin' ny hazo-fijaliana volafotsy *tsy poaka aty* izy. 3° *fig.* Donto, mavesatra. Il a l'esprit—. *Donto* saina, *mavesa*-tsaina izy.

—, *sm.* 1° Rarivato. Faire un — de maçonnerie pour une muraille. Manao *rarivato* itaingenan' ny rindrina. 2°—, Kirihitr' ala. Le jardin est terminé par un —. Misy *kirihitr' ala* ao amy ny faran' ny zarday.

MASSIVEMENT, *adv.* Matevina, tsy mailaka.

MASSUE, *sf.* 1° Kanonta hazo. 2° *fig.* C'est un coup de — pour lui. Mafy izany nanjó azy izany.

MASTIC, *sm* Mastika, patré.

MASTICATION, *sf.* Fitsakotsakoana.

MASTIQUER, *va.* Manisy mastika, manisy patré.

MASURE, *sf.* 1° Trano rava. 2° *fig.* Trano ratsy efa ho rava.

MAT, ATE, *adj.* Vasoka. Or —. Volamena *vasoka*. ‖ *loc.* Être —. Maty amy ny *échecs*.

MÂT, *sm.* Salazany. Le grand —. Ny *salazaben*-tsambo. — de cocagne. Voy. COCAGNE.

MATADOR, *sm.* Lehibebe, voalohandohany, zokinjokiny.

MATAMORE, *sm.* Mahery am-bava, lasan-ko vavany. Voy. FANFARON.

MATELAS, *sm.* Kidoro.

MATELASSER, *va.* Manisy kidoro. — des chaises. Manisy *kidoron*-tseza.

MATELASSIER, IÈRE, *s.* Mpanao kidoro.

MATELOT, *sm.* Matiló.

MATELOTE, *sf.* Karaza-nahandro atao amy ny hazandrano.

À la matelote, *loc. adv.* Tahaka ny any ny matiló.

MATER, *va.* 1° Mahafaty amy ny *échecs*. 2° *fig.* Mamolaka. — l'orgueil d'un enfant. *Mamolaka* ny fiavonavonan' ny zazalahy anankiray. 3°—, Mampijaly. — son corps. *Mampijaly* ny vatany.

MÂTER, *va.* Manisy salazany.

MATÉRIALISER, *va.* Manao ho manam-batana. Les idolâtres matérialisaient la divinité. Ny mpanompo sampy *nanao* an' Andriamanitra *ho manam-batana*.

MATÉRIALISME, *sm.* Fampianarana ny tsy fisiam-panahy.

MATÉRIALISTE, *s.* et *adj.* Milaza ny tsy fisian'ny fanahy. Doctrine—. Fampianarana *milaza ny tsy fisian' ny fanahy*.

MATÉRIALITÉ, *sf.* Fananam-batana.

MATÉRIAUX, *sm. pl.* 1° Ny anaovantrano. 2° *fig.* Ny anaovam-boky.

MATÉRIEL, ELLE, *adj.* 1° Manambatana, azo hita, azo tsapaina, mety ho re. Les choses matérielles. Ny zavatra *manam-batana*, etc. L'âme n'est point matérielle. Tsy *manam-batana* ny fanahy. 2°—, Tsy tsara loatra, mavesatsaina, manaraka ny nofo. Ornement —.

Haingo *tsy tsara loatra*. Il est—. *Mavesa-tsaina, manaraka ny nofo* izy.

—, *sm*. 1° Fanaka. Le — d'une imprimerie. Ny *fanaky* ny trano printy. 2°—, Forongo, fitaovana. Le—d'une armée. Ny *forongo*, ny *fitaovan'* ny tafika.

MATÉRIELLEMENT, *adv*. 1° Tsy tsara loatra. 2°—, Mihitsy, tokoa. Cela est —impossible. Tsy azo atao *mihitsy*, etc., izany.

MATERNEL, ELLE, *adj*. 1° Any ny reny. Amour—. Fitiavan'*ny reny*. 2°—, Avy amy ny reny. Parents maternels. Havana *avy amy ny reny*. Biens maternels. Fananana *avy amy ny reny*. ‖ *loc*. Langue maternelle. Fitenin-drazana.

MATERNELLEMENT, *adv*. Araka ny fanaon' ny reny.

MATERNITÉ, *sf*. Ny maha-reny ny reny.

MATHÉMATICIEN, *sm*. Mpahay marika.

MATHÉMATIQUE, *sf*. Marika.

—, *adj*. 1° Momba ny marika. Sciences mathématiques. Fahaizana *momba ny marika*. 2° *fig*. Miharihary. C'est une vérité—. Tena marina *miharihary* izany.

MATHÉMATIQUEMENT, *adv*. 1° Araka ny marika. 2° *fig*. An-karihary.

MATIÈRE, *sf*. 1° Ny anaovan-javatra, ny entina atao taozavatra. La laine est la— dont on fait le drap. Ny volon'ondry no *anaovana* lopótra. Les matières premières. Ny *zavatra* voalohany *entina atao taozavatra*. 2°—, Tenan-javatra, zavatra manam-batana, — azo hita, — tsapaina, — mety ho re. La— est divisible. Azo zarazaraina ny *tenan-javatra*. Nous devons nous élever au-dessus de la—. Tokony hisondrotra ambonin' ny *zavatra manam-batana, azo hita, azo tsapaina, mety ho re* ny saintsika. ‖ *loc*. —fécale. Fivalanana. —purulente. Nana. 3° —, Havesaran-tsaina, fanarahana ny nofo. Cet homme n'est que —. *Mavesa-tsaina, manaraka ny nofo* io lehilahy io. 4° —, Fototra, fotopototra, kototany, ventin-teny, foto-teny, foto-kevitra. Quelle est la — de votre conversation? Inona avy no *foto*-dresakareo, *fotopoto*-dresakareo, *kototanin*-dresakareo? Quelle a été la — de son discours? Inona no *fotopototra, ventimbentin'* ny laha-teniny? Il a bien choisi sa —. Nifidy *foto-teny, foto-kevitra* tsara izy. 5°—, Antony, fotony. Il n'y a pas — à se fâcher. Tsy misy *antony*, etc., tokony hahatezitra.

En matière de, *loc. prép*. Raha ny amy ny... no heverina. En — de religion, il n'y entend rien. Tsy mahalala na inona na inona izy, *raha ny amy ny* fivavahana *no heverina*.

MATIN, *sm*. Maraina. La prière du —. Ny fivavahana *maraina*. Il est parti de bon —. Niainga *marainakoa, marainalinakoa* izy. Travailler de bon —. Miasa *manaraina*. Il est deux heures du —. Amy ny roa *maraina* izao.

—, *adv*. Marainakoa. Se lever —. Mifoha *marainakoa*.

MÂTIN, *sm*. Amboa makadiry mpiambina.

MATINAL, ALE, *adj*. 1° Maraina. La brise matinale. Ny tsio-drivotra *maraina*. 2°—, Mifoha marainakoa. Il a été — aujourd'hui. *Nifoha marainakoa* izy androany.

MATINÉE, *sf*. Maraina. Il a passé la — à lire. Nandany ny *maraina* tamy ny famakian-teny izy.

MATINEUX, EUSE, *adj*. Mpifoha maraina.

MATINIER, IÈRE, *adj*. L'étoile matinière. Ny kintana fitarikandro.

MATOIS, OISE, *adj*. et *s*. Fetsy, konjo, mamaky akotry.

MATOU, *sm*. Sakalahy.

MATRICE, *sf*. Rejistry ny hetra.

MATRICULE, *sf*. Rejistry ny miaramila vao milatsaka na ny olona vao miditra amy ny fikambanana anankiray, na amy ny tranomaizina na trano fitsaboana, etc.

MATRIMONIAL, ALE, *adj*. Momba ny fanambadiana.

MATRONE, *sf*. Vehivavy lehibe mendrika hohajaina.

MATURATIF, IVE, *adj*. Mahamasaka. Remède —. Fanafody *mahamasaka*.

MATURATION, *sf*. Fihamasaka.

MÂTURE, *sf*. 1° Ny salazan-tsambo rehetra. La — de ce navire est très bonne. Tsara dia tsara ny *salazan'*io sambo io. 2° —, Fananganana salazan-tsambo. Il entend bien la —. Mahay *manangana salazan-tsambo* izy.

MATURITÉ, *sf*. 1° Hamasaka, hahantitra. Le raisin, l'abcès est à son point de —. *Masaka* ny voaloboka, ny vay. Voy. Mûr. 2° *fig*. Hamasaka, fahendre-

na, fahamalinana. Cette affaire est dans sa —. *Masaka* izany raharaha izany. Il faut agir dans cette affaire avec —. Tokony hatao amim-*pahendrena*, amim-*pahamalinana* izany raharaha izany. ‖ *loc.* Il est dans la — de l'âge. Efa olondehibe izy.

MAUDIRE, *va.* Manozona, misahato, mitsitsika. — un ennemi. *Manozona*, etc., fahavalo. Dieu maudit les pécheurs. Andriamanitra *manozona* ny mpanota. Il maudit le jour où il est né. *Manozona* ny andro nahaterahany izy.

MAUDIT, ITE, *p.* et *adj.* 1° Voaozona, nozonina, nosahatoina, notsitsihina. 2°—, Ratsy dia ratsy, kary. — chemin. Lálana *ratsy dia ratsy*, etc. Ce — enfant a gâté mon habit. Ity zaza *kary* ity nanimba ny akanjoko.

—, *sm.* Ny voaozona. Allez, maudits, au feu éternel. Mandehana, ry *voaozona*, any amy ny afobe mandrakizay.

MAUGRÉER, *vn.* Mimonjomonjo, misafoaka, miozona.

MAUSOLÉE, *sm.* Fasana lehibe sady tsara tarehy.

MAUSSADE, *adj.* 1° Kitokitoina, soso-dava. Il a un caractère —. *Kitokitoina*, etc., izy. 2° —, Mahamonamonaina, mahaboboka, mahadikidiky. Lecture—. Famakian - teny *mahamonamonaina*, etc.

MAUSSADEMENT, *adv.* Amin-kasosoran-dava. Il fait tout —. *Amin-kasosorana* no anaovany ny zavatra rehetra.

MAUSSADERIE, *sf.* Hasosoran-dava.

MAUVAIS, AISE, *adj.* 1° Ratsy. Mauvaise eau. Rano *ratsy*. — livre. Boky *ratsy*. —bruits. Tsaho *ratsy*. —ange. Anjely *ratsy*. Il a une mauvaise physionomie. *Ratsiratsy* endrika izy. Il a pris mes paroles en mauvaise part. *Ratsy* no nandraisany ny hevitry ny teniko. C'est un—cœur. *Ratsy* fo izy. C'est un — esprit, une mauvaise tête. *Ratsy* saina, hevitra izy — parent. Havan-*dratsy*. — garnement, — sujet. Olon-*dratsy*, tsy vanona. ‖ *loc.* Mauvaise année. Taona mihodivitra. Il a mauvaise mine. Malazolazo endrika izy. Il m'a fait mauvaise mine. Nandray ahy fe nandroy izy. 2°—, Tsy mahay. — peintre. Mpanoso-doko *tsy mahay*.

—, *sm.* Ny ratsy. Il y a du bon et du— dans cet homme. Sady misy tsara no misy *ratsy* io lehilahy io.

—, *adv.* Sentir —. Maimbo. Trouver —. Tsy mankasitraka. Il fait —. Ratsy ny andro.

MAUVE, *sf.* Fiandrilavenona.

MAXILLAIRE, *adj.* Amy ny valanorano. Os —. Taolam-*balanorano*.

MAXIME, *sf.* Foto-kevitra. Chacun a ses maximes. Samy manana ny *foto-keviny* ny olona. Il a changé de maximes. Niova *foto-kevitra* izy.

MAXIMUM, *sm.* Ny ambony indrindra, ny lehibe indrindra.

MAZETTE, *sf.* 1° Soavaly botry. 2° *fig.* Olona mitaraikiraiky.

ME, *pron. pers.* Ahy, aho, amiko, tena, mi... M'aimez-vous? Tia *ahy* va hianao? tianao va *aho*? Ne m'en parlez plus. Aza miteny izany *amiko* intsony. Je m'essuie. Mamao-*tena* aho. Je me promène. *M*itsangatsangana aho.

MÉCANICIEN, *sm.* Mpanao milina, mpampandeha milina.

MÉCANIQUE, *sf.* 1° Fahaizana momba ny fihetsehan-javatra. 2°—, Rafitra, filaminana, milina. La — d'une montre. Ny *rafitry* ny famantaranandro. Voilà une belle —. Tsara io *milina* io. Une étoffe fabriquée à la —. Lamba natao tamy ny *milina*.

—, *adj.* Momba ny fihetsehan-javatra, atao amy ny tánana. Lois mécaniques. Lalána *momba ny fihetsehan-javatra*. Arts mécaniques. Fahaizana taozavatra *atao amy ny tánana*.

MÉCANISME, *sm.* 1° Rafitra, filaminana. Le — d'une montre. Ny *rafitry* ny famantaranandro. Le — de l'univers. Ny *filaminan*' izao tontolo izao. 2° *fig.* Le — du langage. Ny fomba fandaharana ny teny sy ny fehezan-teny. Le — de la peinture. Ny fomba fanosoran-doko.

MÉCHAMMENT, *adv.* An-kasomparana.

MÉCHANCETÉ, *sf.* 1° Hasomparana. Il l'a fait par —. *Hasomparana* no nanaovany izany. Il fait souvent des méchancetés. Manao *hasomparana* matetika izy. 2°—, Kiry. Voyez la — de cet enfant. Jereo kely ny *kirin*'io zazalahy io.

MÉCHANT, ANTE, *adj.* 1° Sompatra, mpisompatra, ratsy fanahy, tia fosa. C'est un — homme. Olona *sompatra*, *mpisompatra*, *ratsy fanahy* izy. Il a une physionomie méchante. Mitarehin' olon-*tsompatra* izy. C'est une méchante langue. Olona *tia fosa* izy. 2°—, Ratsy, tsy manjary, tsy mahay. Il a fait une

méchante action. *Ratsy* ny nataony. Méchante terre. Tany *ratsy, tsy manjary.* — dîner. Sakafo *ratsy, tsy manjary.* — orateur. Mpandaha-teny *tsy mahay.*

—, *s.* Ratsy fanahy. On doit fuir les méchants. Tokony handosirana ny *ratsy fanahy.*

MÈCHE, *sf.* 1° Lahin-jiro, lahiny. 2°—, Lahin-jiro fanapoahana tafondro, —lamina. 3°—, Zana damisy. 4°—, Foto-bolo. Une—de cheveux. *Foto-bolo* iray.

MÉCOMPTE, *sm.* 1° Hadisoana isa, ota isa. 2° *fig.* Hadisoam-panantenana, hadisoan-kevitra.

MÉCONNAISSABLE, *adj.* Tsy fantatra. Sa maladie l'a rendu—. Tonga *tsy fantatra* izy azon' ny aretiny.

MÉCONNAÎTRE, *va.* 1° Tsy mahafantatra. Il avait changé d'habit, je le méconnaissais. Niova akanjo izy, ka *tsy fantatro.* 2°—, Tsy mahalala, tsy mijery. Il méconnait ses parents. *Tsy mahalala,* etc., havana izy. 3° *fig.* Tsy manisy raharaha. Il a été méconnu de ses contemporains. *Tsy nanisy raharaha* azy ireo niara-belona taminy.

Se méconnaître, *vpr.* Tsy mihevitra ny toetrany. Les parvenus se méconnaissent. Ny firingamievotra *tsy mihevitra ny toetrany* taloha.

MÉCONTENT, ENTE, *adj.* et *s.* Sosotra. Il est—de son fils. *Sosotra* amy ny zanany izy.

MÉCONTENTEMENT, *sm.* Hasosorana, fahasosorana.

MÉCONTENTER, *va.* Mahasosotra. Il a mécontenté son père. *Nahasosotra* ny rainy izy.

MÉCRÉANT, *sm.* Ny tsy mpino.

MÉDAILLE, *sf.* 1° Medaly. 2°—, Moday, sarimary. 3° *fig.* Le revers de la —. Ny tsininy. Chaque—a son revers. Samy misy *tsininy* ny zavatra rehetra.

MÉDAILLÉ, ÉE, *adj.* et *s.* Nahazo medaly.

MÉDAILLER, *sm.* Fitoera-medaly.

MÉDAILLISTE, *sm.* Mpahalala medaly.

MÉDAILLON, *sm.* 1° Medaly lehibe. 2°—, Firava-behivavy boribory, tranompitaratra boribory fametrahan-tsary na volon-doha, etc.

MÉDECIN, *sm.* 1° Dokotera, mpanao fanafody. — d'eau douce. *Dokotera* tsy mahay loatra. 2° *fig.* Fanafody. Le temps est un grand—. Ny andro no tena *fanafody* tsara.

MÉDECINE, *sf.* 1° Fahaizam-panafody, raharahan' ny dokotera. Il sait bien la —. Mahay *fanafody* izy. Il étudie en—. Mianatra ho *dokotera* izy. Il exerce la —. Manao *fanafody* olona, *dokotera* izy. 2°—, Fampivalanana. — de cheval. *Fampivalanana* mahery loatra. Prendre une —. Misotro *fampivalanana.*

MÉDECINER, *va.* Mampisotro fanafody matetika.

Se médeciner, *vpr.* Misotro fanafody matetika.

MÉDIAT, ATE, *adj.* Misy elanelana. Héritier—. Mpandova *misy elanelana.*

MÉDIATEMENT, *adv.* Misy elanelana.

MÉDIATEUR, TRICE, *s.* Mpanalalana, mpanelanelana, elanelam-panahy. Il a été—dans cette affaire. Izy no *mpanalalana,* etc., tamin' izany raharaha izany. Jésus-Christ est notre—auprès de Dieu. Jeso-Kristy no *mpanalalana, mpanelanelana* antsika amin' Andriamanitra.

MÉDIATION, *sf.* Alalana, fanalalanana, fanelanelanana. Comme Entremise.

MÉDICAL, ALE, *adj.* 1° Momba ny aretina sy ny fanasitranana azy. Ouvrage—. Boky *momba ny aretina sy ny fanasitranana azy.* 2°—, Mahasitrana. Quelles sont les propriétés médicales de cette plante? Inona avy no *sitran'* ity zava-maniry ity?

MÉDICAMENT, *sm.* Fanafody. Il se ruine en médicaments. Mandany harena amy ny *fanafody* izy.

MÉDICAMENTAIRE, *adj.* Momba ny fanafody. Code—. Boky *momba ny fanafody.*

MÉDICAMENTER, *va.* Manisy fanafody, mampisotro fanafody.

Se médicamenter, *vpr.* Manisy fanafody ny tenany, misotro fanafody.

MÉDICAMENTEUX, EUSE, *adj.* Azo atao fanafody.

MÉDICATION, *sf.* Fanisiana fanafody, fampisotroana —.

MÉDICINAL, ALE, *adj.* Fanao fanafody. Herbe médicinale. Ahitra *fanao fanafody.*

MÉDIOCRE, *adj.* Antoniny, tsy be loatra, tsy mahay loatra, tsy tsara loatra.

Fortune —. Harena *antoniny, tsy be loatra*. Homme —. Olona *tsy mahay loatra*. Style —. Laha-teny *tsy tsara loatra*. Il a un revenu fort —. *Tsy be loatra* ny vola azony isan-taona ivelomany.

—, *sm*. Ny antonintoniny, tsy fahabetsahana loatra, tsy fahaizana loatra, tsy fahatsarana loatra.

MÉDIOCREMENT, *adv*. Antoniny, tsy be loatra. Il est — savant. *Antoniny* ny fahaizany, *tsy* dia mahay *loatra* izy. Il est — content. Tsy falifaly *loatra* izy.

MÉDIOCRITÉ, *sf*. Ny antoniny, tsy fahabetsahana loatra, tsy fahaizana loatra, tsy fahatsarana loatra. Il vit dans la —. *Antonintoniny* ny toetrany. Il est d'une grande —. *Tsy mahay loatra*, kely fahaizana izy.

MÉDIRE, *vn*. Mifosa, manaratsy.

MÉDISANCE, *sf*. Fosa, fifosana, fanaratsiana. Il dit des médisances. *Mifosa, manaratsy* izy. C'est une pure —. *Fanaratsiana* fotsiny izany.

MÉDISANT, ANTE, *adj*. et *s*. Mpifosa, mpanaratsy.

MÉDITATIF, IVE, *adj*. Tia fandinihan-javatra, mahery mandinika. C'est un esprit —. Olona *tia fandinihan-javatra*, etc., izy.

—, *sm*. Ny mahery mandinika. Les méditatifs sont ordinairement distraits. Mihahakaha-kevitra matetika izay *mahery mandini-javatra*.

MÉDITATION, *sf*. Fandinihana, fieritreretana, fisaintsainana.

MÉDITER, *va*. Mandinika, mieritreritra, misaintsaina. — une idée, les vérités éternelles. *Mandinika*, etc., hevitra anankiray, ny mandrakizay. — une vengeance. *Mandinika*, etc., mba hamaly ratsy.

—, *vn*. Mandinika, mieritreritra, misaintsaina. — sur l'âme. *Mandinika*, etc., ny amy ny fanahy.

MÉDIUS, *sm*. Fanondro lava, tondro adala *(fam.)*.

MÉDULLAIRE, *adj*. Momba ny tsoka.

MEETING, *sm*. Kabary, fivoriana.

MÉFAIT, *sm*. Ratsy atao. Il a été puni de ses méfaits. Nofaizina noho ny *ratsy nataony* izy.

MÉFIANCE, *sf*. Ahiahy, fiahiahiana, tsy fitokiana.

MÉFIANT, ANTE, *adj*. et *s*. Miahiahy, tsy matoky.

MÉFIER (SE), *vpr*. Miahiahy, tsy matoky. Il se méfie de tout le monde. *Miahiahy*, etc., olona izy. Je me méfie de ses caresses. *Tsy matoky* ny fanambatambazana ataony aho. Je me méfie de ses intentions. *Miahiahy* ny hafitsony aho.

MÉGARDE (PAR), *loc. adv*. Noho ny tsy fitandremana. Il a brisé ce verre par—. Namaky io gilasy io *noho ny tsy fitandremany* izy.

MÉGÈRE, *sf*. Vehivavy fangangan'olona.

MEILLEUR, EURE, *adj*. 1° Tsaratsara kokoa, misimisy kokoa. Cet enfant est bon, mais son frère est—. Tsara fanahy ity zazalahy ity, nefa ny rahalahiny *tsaratsara kokoa*, etc. 2° —, Tsara indrindra. C'est le— homme du monde. Izy no olona *tsara* fanahy *indrindra*.

—, *sm*. Ny tsara indrindra. Prenez le—, et laissez le reste. Ento ny *tsara indrindra*, ary avelao ny sisa.

MÉLANCOLIE, *sf*. Fanjoretra, fanjonitra, alahelo. Il se laisse aller à la —. Miondrika amy ny *alahelo* izy. ‖ *loc*. Il n'engendre point la—. Sariadriaka izaitsizy izy.

MÉLANCOLIQUE, *adj*. Manjoretra, manjonitra, mitan-takolaka, malahelo. Il est —. *Manjoretra*, etc., izy. Il a un air —. *Manjoretra, manjonitra, mitan-takolaka* izy. Musique —. Hira *malahelohelo*.

MÉLANCOLIQUEMENT, *adv*. Amin'alahelo.

MÉLANGE, *sm*. 1° Zavatra mifangaro, — miharo, — mifamaho. Un — de vins. Divay samihafa *mifangaro, mifamaho*. La vie est un — d'événements heureux et malheureux. *Miharo, mifamaho* hafaliana sy fahoriana ny andro iainantsika. Un bonheur sans —. Hasambarana tsy *miharo* alahelo, — tsy misy *fahony*. 2° —, *pl*. Boky misy zavatra samihafa. Mélanges historiques. *Boky misy* tantara *samihafa*.

MÉLANGER, *va*. Mampifangaro, mamaho. — des couleurs. *Mampifangaro* loko.

Se mélanger, *vpr*. Mifangaro, mifamaho.

MÉLASSE, *sf*. Ranoresy.

MÊLÉ, ÉE, *p*. et *adj*. 1° Nampifangaroina, mifangaro, voaharo, naharo, ta-

faharo, miharo, mifamaho, voapasoka, nopasohina. 2°—, Nasafotofoto, misafotofoto. 3° *fig.* Voakambana, nakambana, mikambana, nahitsoka, tafahitsoka, mihitsoka. Il est — dans une mauvaise affaire. *Tafahitsoka* amy ny raharaha sarotra izy.

MÊLÉE, *sf.* 1° Ady tombo-tánana, — mifanjevo. Il se jeta dans la —. Nirotsaka mba hifanao *tombo-tánana, hifanjevo* amy ny *ady* izy. 2° *fig.* Fifandirana, ady lahy.

MÊLER, *va.* 1° Mampifangaro, mangaro, mamaho, mipasoka.— en remuant. *Mangaro.* — de l'eau avec du vin. *Mampifangaro* rano amy ny divay, *mamaho* rano ny divay. — des couleurs. *Mampifangaro, mangaro* loko. — les cartes. *Mipasoka* karatra; *fig.* mampisafotofoto raharaha. 2° —, Mampisafotofoto. — des cheveux. *Mampisafotofoto* volon-doha. Voy. EMBROUILLER. 3° *fig.* Manakambana, mampihitsoka, miombona. Il a mêlé l'agréable et l'utile dans ses ouvrages. *Nakambany* ao amy ny bokiny ny mahafinaritra sy ny mahasoa. — ses larmes à celles de quelqu'un. *Miombona* alahelo amin' olona.

Se mêler, *vpr.* 1° Mifangaro, miharo. L'huile ne se mêle pas avec l'eau. Ny solika tsy mety *mifangaro* amy ny rano. Les eaux de l'Ikopa se mêlent avec celles du Betsiboka. Ny renirano Ikopa *mifangaro,* etc., aminy Betsiboka. Se — dans la foule. *Mifangaro* amy ny vahoaka. 2°—, Misafotofoto. 3°—, Mifanao tombo-tánana, mifanjevo. Les deux troupes se sont mêlées avec fureur. *Nifanao tombo-tánana,* etc., ny tafika roa tonta. 4° *fig.* Manao, mikasika. Je ne me mêlerai plus de vos affaires. Tsy *hanao,* etc., ny raharahanao intsony aho. 5°—, Misisika, misalovana. Il se mêle de tout. *Misisika, misalovana* amy ny raharaha rehetra izy.

MÉLODIE, *sf.* 1° Hatsaram-peo, fíraondraona, firedona. 2°—, Firindrarindra.

MÉLODIEUSEMENT, *adv.* Tsara.

MÉLODIEUX, EUSE, *adj.* Tsara, miraondraona, miredona. Voy. HARMONIEUX.

MELON, *sm.* Voantangombazaha boribory, voanketsihetsy. — d'eau. *Voanketsihetsy.* — malgache. *Voantango.*

MEMBRANE, *sf.* Hendratrendrany, elabakáka, fono, sarona. Les membranes du cerveau. Ny *hendratrendrany,* ny *fonon'* ny ati-doha. — qui enveloppe les intestins. *Elabakáka* mamono ny tsinay. — qui enveloppe le cœur. *Sarom*-po. Voy. DIAPHRAGME.

MEMBRANEUX, EUSE, *adj.* Momba ny hendratrendrany, — ny elabakáka.

MEMBRE, *sm.* 1° Tongotra aman-tánana, rantsam-batana. Il a été saigné des quatre membres. Nalan-dra ny *tongony aman-tánany.* Il sent des douleurs dans tous les membres. Maharary azy avokoa ny *rantsam-batany* rehetra. 2° *fig.* Rantsam-batana, isa. Les pauvres sont les membres de Jésus-Christ. Ny mahantra dia *rantsam-batany* Jeso-Kristy. Il est — d'une riche famille. *Isan'* ny mpianakavy amy ny fianakaviana anankiray manan-karena izy.

MEMBRÉ, ÉE, *adj.* Il est bien —. Tsara tongotra aman-tánana izy.

MEMBRU, UE, *adj.* Il est bien—. Vaventy ny tongony aman-tánany.

MEMBRURE, *sf.* Tongotra aman-tánana, ny rantsam-batana rehetra.

MÊME, *adj.* 1° Iray, tsy niova, iny, izay, izany. Ce maître et son domestique boivent le — vin. *Iray* hiany ny divay sotroin' io tompo io sy ny mpanompony. Il est toujours le —. *Tsy niova* izy. Ils sont de la — mère. *Iray* tampó, *iray* reny izy ireo. Ils sont du — père. *Iray* ray izy ireo. Il mourut le — jour. Maty tamy ny *iny* andro iny, *izay* andro izay izy. En ce — temps. Tamin' *izany* andro izany hiany. 2°—, Hiany. C'est le roi — qui l'a dit. Ny mpanjaka *hiany* no nilaza izany. C'est lui — qui arrive. Ny tenany *hiany* no tamy. 3°—, Tena, indrindra. Dieu est la sagesse—. Andriamanitra no *tena* fahendrena, hendry *indrindra.* 4° —, Mitovy, sahala. Leurs habits ont la— couleur. *Mitovy,* etc., volo ny akanjon' izy ireo. || *loc.* Faire quelque chose de soi —. Manao zavatra araka ny sitra-pony. Il a fait cela de lui —. Sitra-pony hiany no nanaovany izany.

—, *adv.* Mbola, na dia.... aza, mbamy, sady. Je vous dirai —. *Mbola* holazaiko aminao. Il lui a tout donné, —ses habits. Nomeny aza avokoa, *na dia* ny akanjony *aza, mbamy* ny akanjony. Il lui dit des injures, et — le frappa. Nanevateva azy *sady* nikapoka azy izy.

À même, *loc. adv.* Être à—. Mahazo. Il est à — de vous rendre service. *Maha-*

zo manampy anao izy. Mettre à —. Manampy. Je l'ai mis à—de faire ce travail. *Nanampy* azy mba hanao izany raharaha izany aho.

De même, *loc. adv.* Tahaka izany, toy izany. Faites de—. Ataovy *tahaka izany*, etc.

De même que, *loc. conj.* Tahaka, toy. De — que le soleil chasse les ténèbres, de — la science chasse l'erreur. *Tahaka, toy* ny androahan' ny masoandro ny aizina no anesoran' ny fahaizana ny hevi-diso.

MÉMOIRE, *sf.* 1° Fahatsiarovana, fahatadidiana, fahatsiahivana. Sa — est fidèle. *Mahatsiaro, mahatadidy* tsara izy. Il a une— de lièvre. Tsy *mahatsiaro, mahatadidy* na inona na inona izy, maty arika izy. Il a la— locale. *Mahatsiaro, mahatadidy* ny zavatra hitany izy. Il vit dans la — du peuple. *Tsaroana, tadidy, tsahivan'* ny vahoaka izy. De — d'homme on n'avait point vu pareille chose. Araka ny *tsaroana* tsy mbola nisy zavatra tahaka izany. On a institué une fête en — de cet évènement. Nananganana fety anankiray ho *fahatsiarovana* izany zavatra niseho izany. 2°—, Laza. Cette action souille sa —. Manimba ny *lazany* izany natao ny izany. Ce prince d'heureuse —. Izany mpanjaka *malaza* izany.

MÉMOIRE, *sm.* Taratasy mampahatsiaro, — milaza trosa, — misy fandinihana lalina, — misy tantara.

MÉMORABLE, *adj.* Mendrika hotsaroana, malaza. Il n'a rien fait de —. Tsy nanao zavatra *mendrika hotsaroana*, etc., izy.

MÉMORIAL, *sm.* Taratasy fahatsiarovana, boky milaza ny tantarany.

MENAÇANT, ANTE, *adj.* 1° Mandrahona, manambana, manandrina. 2°—, Mahatahotra. Présage—. Fambara *mahatahotra*.

MENACE, *sf.* Fandrahonana, rahombava, fanambanana, ambana, fanandrinana. Je ne crains point ses menaces. Tsy matahotra ny *fandrahonany*, ny *rahom-bavany* aho. Il fait des menaces en l'air. *Mandrahondrahom*-poana izy.

MENACER, *va.* 1° Mandrahona, manambana, manandrina. — de la main, avec la canne. *Mandrahona, manambana* amy ny tánana, amy ny tehina. — du regard. *Mandrahona* amy ny fijery, *manandrina*. 2°—, Mampatahotra, manantanona, mila, efa ho. Les divisions qui règnent dans ce pays le menacent d'une guerre sanglante. Ny tsy fifanarahana amin' izany tany izany *mampatahotra* fa hisy ra mandriaka ao. De grands malheurs le menacent. Misy loza lehibe *manantanona* azy, *mila* hahita loza izy. Cet édifice menace ruine. *Mila, efa* hianjera izany trano izany. Cet empire menace ruine. *Mila, efa ho* rava izany fanjakana izany.

Se menacer, *vpr.* Mifandrahona, mifanambana, mifanandrina.

MÉNAGE, *sm.* 1° Fikarakarana ny ao an-trano, tokan-trano, trano. Il conduit bien son —. Mahay *mikarakara ny ao an-tranony* izy. C'est elle qui fait le —. Izy no *mikarakara ny ao an-trano*. Il s'est mis en—depuis peu. Vao haingana izy no *nilokan-trano*. Ils font bon —. Mifanaraka tsara amy ny *tokan-tranony* izy mivady. Cette servante tient mon — bien propre. Ataon'io ankizivavy io madio tsara ny *tranoko*. 2°—, Fianakaviana. Il y a trois ménages logés dans cette maison. Misy *fianakaviana* telo amin' izany trano izany.

MÉNAGEMENT, *sm.* Fitandremana, fahamalinana, halemem-panahy. Cette affaire est délicate, il faut s'y conduire avec —. Sarotra izany raharaha izany, ka tokony hoentina amim-*pitandremana*, amim-*pahamalinana*. Il faut user de ménagements envers lui. Tokony hoentina amim-*pitandremana*, etc., izy.

MÉNAGER, *va.* 1° Mitsitsy, mandala. Ménagez votre bien. *Tsitsio, lalao* ny harenao. 2° *fig.* Tsy mandany foana, tsy manao foana, mitsitsy. — son temps. *Tsy mandany foana* ny androny. — ses pas. *Tsy* mandehandeha *foana*. — sa santé. *Mitsitsy* ny ainy. — des troupes. *Mitsitsy* ny miaramila. —un cheval. *Mitsitsy* soavaly. 3°—, Mitondra amim-pitandremana, — amim-pahamalinana, — amin-kalemem-panahy. C'est un homme qu'il faut —. Tokony *hoentina amim-pitandremana*, etc., io olona io. 4°—, Manao izay. Il leur a ménagé une entrevue. *Nanao izay* hihaonan' izy ireo izy.

Se ménager, *vpr.* 1° Mitsitsy aina. 2° *fig.* Mahay olona. Il sait se — avec tout le monde. *Mahay olona* izy. Il sait se — entre deux partis contraires. *Mahay* roa, sotrobe lava tango izy.

MÉNAGER, ÈRE, *adj.* Mahay mitsi-

tsy,— mandala,— mikarakara ny ao an-trano.

Ménagère, *sf.* Vehivavy mpikarakara ny ao an-trano.

MÉNAGERIE, *sf.* Fitoeram-biby avy amy ny tany lavitra.

MENDIANT, ANTE, *s.* Mpangataka, mahantra.

MENDICITÉ, *sf.* Fangatahana, fahantrana. Il est réduit à la—. Tonga *mpangataka* izy. Dépôt de—. Trano fametrahana ny *mahantra.*

MENDIER, *va.* 1° Mangataka fiantrana. 2° *fig.* Mila. —des louanges. *Mila* dera. — la faveur des grands. *Mila* sitraka amy ny lehibe.

MENÉE, *sf.* Famoronana sain-dratsy. Voy. INTRIGUE.

MENER, *va.* 1° Mitari-dalana, mitantána, manatitra, mitondra, mitarika. Si vous savez le chemin, menez-nous. Raha mahalala lálana hianao, *tariho lálana* izahay. — quelqu'un par la main. *Mitantàna* olona. Menez l'enfant au collège. *Atero, ento* any amy ny kolejy ny zazalahy. — en prison. *Manatitra, mitondra* any an-tranomaizina. — des soldats à la guerre. *Mitondra* miaramila hanafika.— les bœufs aux champs. *Manatitra, mitondra* omby ho any an-tsaha. — du blé au marché. *Mitondra* varim-bazaha ho any an-tsena. — un carrosse. *Mitarika* kalesy. C'est à vous de — la danse. Anjaranao ny *mitarika* ny dihy. 2°—, Mankany. Ce chemin mène à l'église. *Mankany* amy ny trano leglizy io lálana io. 3° *fig.* Mitondra, mifehy, mampanaraka ambokony, manao, mitarika, mahatonga, mampahazo. — à la baguette. *Mitondra* amin-kalozana. C'est un enfant timide, menez-le doucement. Zaza kely saro-tahotra izy, ka *ento, fehezo* amin-kalemem-panahy. C'est lui qui mène cette affaire. Izy no *mitondra* izany raharaha izany. Il mène bien sa barque. *Mitondra* tsara ny raharahany izy. Elle mène son mari. *Mampanaraka ambokony* ny lahy, manao akohovavy maneno izy. — quelqu'un par le nez. *Mampanaraka ambokony* olona. Il mène une vie scandaleuse. *Manao* fitondran-tena manafintohina izy. C'est un aveugle qui mène l'autre. Jamba *mitarika* jamba izy. L'ambition le mène. *Taritin'* ny fitsiriritam-boninahitra izy. La débauche mène à la misère. *Mahatonga* mahantra ny fileran-doatra. Le travail et l'économie mènent à la fortune. *Mampahazo* harena ny asa sy ny fitsitsiana. ‖ *loc.*— à fin. Manapitra. —de front plusieurs affaires. Misahana raharaha maro. Cet argent ne le mènera pas loin. Halaky laniny izany vola izany.

MÉNÉTRIER, *sm.* Mpitondry lokanga tsy mahay.

MENEUR, *sm.* Mpitarika, filoha amy ny teti-dratsy.

MENOTTES, *sf. pl.* Gadra na tady fanompanana ny tánana. On lui a mis les—. *Naompana* ny *tánany.*

MENSONGE, *sm.* 1° Lainga. On a reconnu ses mensonges. Vaky *lainga* izy. 2° *fig.* Fampianaran-diso, zava-poana, fitaka. Ne prêtez pas l'oreille au —. Aza mihaino ny *fampianaran-diso.* Le monde n'est que—. *Zava-poana, fitaka* fotsiny hiany izao tontolo izao.

MENSONGER, ÈRE, *adj.* 1° Misy lainga. Discours —. Laha-teny *misy lainga.* 2°—, Mamitaka, ankosoka. Caresses mensongères. Tambitamby *mamitaka.* Douleur mensongère. Alahelo *ankosoka.*

MENSUEL, ELLE, *adj.* Isam-bolana.

MENSUELLEMENT, *adv.* Isam-bolana. Il est payé —. Omem-bola *isambolana* izy.

MENTAL, ALE, *adj.* 1° Ao am-po, ao an-tsaina. Oraison mentale. Fivavahana atao *ao am-po,* etc. 2°—, Momba ny saina. Aliénation mentale. Fahaverezan-*tsaina.*

MENTALEMENT, *adv.* Ao am-po, ao an-tsaina.

MENTERIE, *sf.* Tsilaingalainga.

MENTEUR, EUSE, *adj.* 1° Mpandainga, fandainga. 2° —, Misy lainga. Propos menteurs. Resaka *misy lainga.* 3° *fig.* Mamitaka. Visage—. Tarehy *mamitaka.*

—, *s.* Mpandainga, fandainga.

MENTHE, *sf.* Solila.

MENTION, *sf.* Filazana. Il est fait — de vous dans cet ouvrage. *Voalaza* amin' izany boky izany hianao. Il a été fait — ci-dessus de ce traité. *Voalaza* teo aloha izany fanekem-pihavanana izany.

MENTIONNER, *va.* Milaza.

MENTIR, *vn.* Mandainga, manao marina tsy to, manao marim-bilana.

Sans mentir, *loc. adv.* Tsy misy lainga, marina tokoa.

MENTON, *sm.* Saoka, somaka, tretroka. Il a le — court. Fohy *saoka, soma-*

ka izy. Il a de la barbe au —. Misy volon-*tsaoka*, volon-*tsomaka* izy. Qui a double, triple —. *Tretrohina.*

MENTONNIÈRE, *sf.* Fihazonan-tsatroka.

MENTOR, *sm.* Mpanolo-tsaina, mpanoro hevitra.

MENU, UE, *adj.* Kely, madinika. Il a les jambes menues. *Kely* fingotra izy. Grêle menue. Havandra *kely, madinika.* Les menus frais. Ny lany amy ny kanonkanona *madinika.* Menus grains. Voan-javatra *madinika* hoatra ny voanemba, ny pitipoa, etc. Il reçoit une piastre par mois pour ses menus plaisirs. Mahazo ariary isam-bolana izy hataony amy ny sitra-po *madinika.* Le — peuple. Ny *madinika,* ny faraidiny.

—, *sm.* Tsirairay. Écrivez le — du repas. Sorato *tsirairay* ny karaza-nahandro. Je vous dirai la chose par le —. Hotantaraiko *tsirairay* aminao izany zavatra izany.

—, *adv.* Madinikà. Hàchez cela —. Teteho *madinika* izany.

MENUISER, *va.* et *vn.* Manao rafitra madinika.

MENUISERIE, *sf.* 1° Fahaizana rafitra madinika. Il entend bien la —. *Mahay rafitra madinika* izy. 2°—, Rafitra madinika. Voilà une belle —. Izany no *rafitra madinika* tsara.

MENUISIER, *sm.* Mpanao rafitra madinika.

MÉPHITIQUE, *adj.* Mantsina, mavoroka. Exhalaisons méphitiques. Fofon-javatra *mantsina,* etc.

MÉPHITISME, *sm.* Fofon-javatra mantsina.

MÉPRENDRE (SE), *vpr.* Diso hevitra. Je crains que vous vous mépreniez. Matahotra aho sao *diso hevitra* hianao.

MÉPRIS, *sm.* 1° Fanaovana tsinontsinona, eso, fanesoana, tebaka, fanebahana, fanatsizarizariana, zimba, fanazimbana, famotsifotsiana, faniratsirana. Il est digne de —. Mendrika *hatao tsinontsinona, hoesoina, hotebahina, hotsizarizarina* izy. Je ne suis pas fait pour endurer vos —. Tsy ho lefitro ny *fanaovanao tsinontsinona,* etc., aby. 2°—, Tsy fahatahorana, fanaovana tsy ho zavatra, fanaovana ho tsinontsinona, fanamavoana.

Au mépris de, *loc. prép.* Manao tsinontsinona. Il a fait cela au — des lois. *Nanao tsinontsinona* ny lalàna izy tamy ny nanaovany izany.

MÉPRISABLE, *adj.* 1° Mendrika hatao tsinontsinona, — hoesoina, — hotebahina, — hotsizarizarina, — hozimbazimbaina, — hofotsifotsina, — hotsiratsiraina. 2°—, Tokony hohamavoina.

MÉPRISANT, ANTE, *adj.* Maneso, manebaka, manatsizarizary. Il a un air —. Manao toetr'olona *maneso,* etc., izy.

MÉPRISE, *sf.* Hadisoan-kevitra.

MÉPRISER, *va.* 1° Manao tsinontsinona, maneso, manebaka, manatsizarizary, manazimba, mamotsifotsy, maniratsira. Il méprise tout le monde. *Manao tsinontsinona, maneso, manebaka, manatsizarizary* ny olona rehetra izy. Il méprise tous les conseils qu'on lui donne. *Atsony tsinontsinona, esoiny, tebahiny, tsizarizariny, zimbazimbainy, fotsifotsiny, tsiratsirainy* avokoa ny torohevitra rehetra omena azy. 2°—, Tsy matahotra, manao tsy ho zavatra, manao ho tsinontsinona, manamavo. — le danger. *Tsy matahotra* ny loza, manao vy very. — la vie. Manao ny ain-*tsy ho zavatra.* — les honneurs. *Manao ho tsinontsinona, manamavo* ny voninahitra.

Se mépriser, *vpr.* 1° Manao ny tenany ho tsinontsinona. Un criminel doit se —. Tokony *hanao ny tenany ho tsinontsinona* ny olo-meloka. 2°—, Mifaneso, mifanebaka.

MER, *sf.* 1° Ranomasina. — du sud. *Ranomasina* atsimo. Prendre la haute—. Mankeny am-povoan' ny *ranomasina.* Le navire n'est plus en état de tenir la —. Tsy mahazo mandeha eny ambony *ranomasina* intsony ny sambo. La — est basse en cet endroit. Marivo ny *ranomasina* eto. 2° *fig.* Une — de délices. Hafaliana lehibe. Ce n'est pas la — à boire. Zavatra mora foana izany. C'est une goutte d'eau dans la —. Hoatra ny rano indray mitete mby amy ny ranomasina izany. C'est porter l'eau à la —. Mitondra hodi-nato miantsinanana.

MERCANTILE, *adj.* 1° Momba ny fivarotana. Profession —. Raharaha *momba ny fivarotana.* 2° *fig.* C'est un esprit —. Olona tiatia vola izy.

MERCENAIRE, *adj.* 1° Misy karama, mpikarama. Travail —. Asa *misy karama.* Des troupes mercenaires. Miaramila *mpikarama* avy amy ny tany hafa. 2° *fig.* Atao noho ny vola, matima-

tim-bola. Louanges mercenaires. Fiderana *atao noho ny vola*. C'est un esprit —. Olona *matimatim-bola* izy.

—, *sm*. 1° Mpikarama, miaramila mikarama avy amy ny tany hafa. 2° *fig*. Olona matimatim-bola.

MERCENAIREMENT, *adv*. Noho ny vola.

MERCERIE, *sf*. Enta-madinika.

MERCI, *sm*. Fisaorana. Grand —. *Misaotra* indrindra. Il n'a pas même dit —. Tsy *nisaotra* akory izy.

Dieu merci, *loc. adv*. Isaorana Andriamanitra.

—, *sf*. Famindram-po. ‖ *loc*. Crier —. Mifona. Se mettre à la — du vainqueur. Mitolo-batana amy ny mpandresy. Le navire est à la — des flots. Avezivezin' ny onjan-drano ny sambo. Il a laissé son troupeau à la — des loups. Navelany ny hanjakan' ny amboadia ny ondriny.

MERCIER, IÈRE, *s*. Mpivarotra enta-madinika.

MERCREDI, *sm*. Alarobia.

MERCURE, *sm*. 1° Planeta akaikin' ny masoandro indrindra. 2°—, Volavelona.

MERCURIALE, *sf*. Fandevilevena.

MERCURIEL, ELLE, *adj*. Misy volavelona. Onguent —. Menaka fanosorana *misy volavelona*, menaka manga.

MÈRE, *sf*. 1° Reny. Ils sont frères de père et de —. Mirahalahy iray ray sy iray *reny* izy ireo. 2°—, Mamera. 3° *fig*. Fototra, loharano, ihaviana. L'oisiveté est la — des vices. Ny fidonanaham-poana no *fototra*, etc., ny fahazaran-dratsy. ‖ *loc*. Elle est la — des pauvres. Vehivavy mpiantra ny malahelo izy.

—, *adj*. Reny, fototra. La reine—. Ny *renin'* ny mpanjaka. La— patrie. Ny *reny* fanjakana. L'idée—d'un ouvrage. Ny *foto*-kevitra ao amy ny boky anankiray.

MÉRIDIEN, *sm*. Meridiena.

MÉRIDIENNE, *adj*. Momba ny meridiena.

—, *sf*. 1° Tsipika mianatsimo sy mianavaratra ao anatin' ny meridiena. 2°—, Torimaso kely antoandro.

MÉRIDIONAL, ALE, *adj*. Atsimo. Les pays méridionaux. Ny tany *atsimo*.

—, *s*. Mponina ao amy ny vakiny Frantsa atsimo.

MÉRINOS, *sm*. Merinosy.

MÉRITANT, ANTE, *adj*. Mendrika, mendrika hovalian-tsoa,

MÉRITE, *sm*. 1° Fahamendrehana, zavatra mendrika hoderaina. Il a un— réel. *Mendrika* tokoa izy. Il faut donner les emplois au—, et non à la faveur. Izay *mendrika* no tokony homen-draharaha, fa tsy izay tiana. Il n'y a pas grand— à être libéral, quand on est riche. Tsy *zavatra mendrika hoderaina* loatra ny mahafoy be raba manan-karena. Cet ouvrage a du—. Misy *zavatra mendrika hoderaina* amin' io boky io. 2°—, Ny atao, ny asa, ny soa atao. Dieu nous traitera suivant nos mérites. Andriamanitra hamaly antsika araka ny *ataontsika*, ny *asantsika*. Nous vous demandons cela par les mérites de Jésus-Christ. Ny *soa nataony* Jeso-Kristy no antinay mangataka izany aminao. Il fait valoir tous ses mérites. Manao be filaza ny *soa nataony* izy. ‖ *loc*. Se faire un— de quelque chose. Mirehareha noho ny zavatra anankiray.

MÉRITER, *va*. 1° Mendrika, tokony. Il mérite le prix. *Mendrika* ny valisoa izy. Il mérite un châtiment. *Mendrika*, etc., hofaizina izy. Cela mérite réflexion. *Tokony* hodinihina izany. Cette nouvelle mérite confirmation. *Tokony* hohamarinina aloha izany zava-baovao izany. 2°—, Mampahamendrika, mampahazo. La mort de Notre-Seigneur nous a mérité le ciel. Ny nahafatesany Jeso-Kristy tom pontsika no *nampahamendrika, nampahazo* antsika ny lanitra.

—, *vn*. 1° Mendrika hovalian-tsoa. Il mérite beaucoup. *Mendrika hovalian-tsoa* loatra izy. 2°—, Manao soa. Il a bien mérité de sa patrie. *Nanao soa* betsaka ho any ny tanin-drazany izy.

MÉRITOIRE, *adj*. 1° Mendrika hovalian-tsoa. Les bonnes œuvres sont méritoires. *Mendrika hovalian-tsoa* ny soa atao. 2°—, Mendrika hoderaina. Il a fait une action — en défendant cet homme. Nanao zavatra *mendrika hoderaina* izy tamy ny niarovany io olona io.

MERLE, *sm*. Tsikorovana.

MERVEILLE, *sf*. Zavatra mahagaga, — mahatalanjona, — mampitampim-bava. Je l'ai vu faire merveilles à ce siège. *Mahagaga*, etc., ny nafitsony tao amin'izany fanaovam-pahirano izany.

À merveille, *loc. adv*. Tsara dia tsara.

MERVEILLEUSEMENT, *adv*. Tsara dia tsara.

MERVEILLEUX, EUSE, *adj*. 1° Ma-

hagaga, mahatalanjona, mampitampimbava. Récit—. Tantara *mahagaga*, etc. 2°—, Tsara dia tsara. Vin —. Divay *tsara dia tsara*.

—, *sm*. Ny mahagaga.

MÉSALLIANCE, *sf*. Fandroronana, fanambadiana atao amy ny olona ambany.

MÉSALLIER, *va*. Mampandrorona, mampanambady olona ambany.

Se mésallier, *vpr*. Mandrorona, manambady olona ambany. Se — en épousant quelqu'un d'une caste inférieure. *Mandrorona*.

MÉSANGE, *sf*. Vorona mitovitovy amy ny lavasalaka.

MÉSAVENTURE, *sf*. Tsy fanambinana, vintan-dratsy. Voy. MALHEUR.

MÉSESTIME, *sf*. 1° Tsy fanaovana ho zavatra. 2°—. Fanivaivana, fanazimbazimbana.

MÉSESTIMER, *va*. 1° Tsy manao ho zavatra. Cette action l'a fait — de tout le monde. *Tsy nataon'* ny olona *ho zavatra* intsony izy noho ny nataony. 2°—, Manivaiva, manazimbazimba. Vous mésestimez cette étoffe. *Ivaivainao, zimbazimbainao* ny vidin'io lamba io.

MÉSINTELLIGENCE, *sf*. Tsy fifanarahana. Ils sont en —. *Tsy mifanaraka* izy ireo.

MESQUIN, INE, *adj*. 1° Mahihitra. Il est fort —. *Mahihitra* loatra izy. 2°—, Kely loatra, tsy mendrika. Il fait une dépense bien mesquine. *Kely loatra, tsy mendrika* azy ny laniny. Ses habits sont mesquins. *Tsy mendrika* azy ny akanjony. 3° *fig*. Tsy mendrika. Il a un caractère —. *Tsy mendrika* ny toe-panahiny. Décoration mesquine. Haingo *tsy mendrika*.

MESQUINEMENT, *adv*. 1° Amim-pahihirana. 2°—, Tsy amim-pahamendrehana.

MESQUINERIE, *sf*. 1° Fahihirana. 2°—, Tsy fahamendrehana.

MESSAGE, *sm*. Hafatra, zavatra ampitondraina. Il est chargé d'un—. Mitondra *hafatra, zavatra* izy. J'ai reçu votre —. Efa azoko ny *hafatrao*, ny *zavatra nampitondrainao*.

MESSAGER, ÈRE, *s*. 1° Iraka. — fidèle. *Iraka* mahatoky. 2° *fig*. Famantarana, fambara. Les hirondelles sont les messagères du printemps. Ny sidintsidina no *famantarana* ny fihavian' ny lohataona. Voy. AVANT-COUREUR.

MESSAGERIE, *sf*. Kalesy na sambo mpitondra olona na zavatra.

MESSE, *sf*. Lamesa. Grand' —. *Lamesa* hiraina. Basse —. *Lamesa* tsy hiraina. Il a manqué la —. Tsy namonjy *lamesa* izy.

MESSÉANCE, *sf*. Ny tsy mety.

MESSÉANT, ANTE, *adj*. Tsy mety.

MESSIE, *sm*. Mesia.

MESSIEURS, *pl*. de MONSIEUR. Tompokolahy.

MESURABLE, *adj*. Azo refesina, azo oharina.

MESURAGE, *sm*. Fandresefana, famarana, fanoharana.

MESURE, *sf*. 1° Fandrefesana, famarana, vata, fahenim-bary, fatra, fanoharana, ohatra. — de longueur. *Fandrefesana*. Prendre les mesures d'un bâtiment. *Mandrefy* trano. — de capacité. *Famarana*. Acheter une — de riz. Mividy vary eran' ny *famarana, vata, fahenim-bary*. Il fait bonne —. Manao tsara *fatra* izy. Six mesures de riz. *Vary* iray. Trois mesures de riz. Tapa-*bary*. Deux mesures de riz. Fahatelom-*bary*. Quatre mesures de riz. Roatokom-*bary*. Prendre la — du pied pour faire des souliers. *Manohatra* tongotra hanaovana kiraro. Prendre — à un homme pour lui faire un habit. Maka *ohatra* olona hanaovana akanjo ho azy. 2° —, Ban-kira. Battre la —. Manao *ban-kira*. Chanter en —. Manara-*ba* raha mihira. 3° *fig*. Famarana, ohatra, fahamalinana, fetra, onony. De la — dont nous mesurerons les autres, nous serons mesurés. Ny *famarana* hamarantsika ho any ny namana no hamarana ho antsika, ny *ohatra* hanoharantsika ny namana no hanoharana antsika. Il a été puni, la — était comble. Nofaizina izy, fa diso *ohatra*, nihoa-pampana ny heloka nataony. Il fait tout avec poids et —. Manao ny zavatra rehetra amim-*pahamalinana* izy. Il ne garde la — en rien. Diso *ohatra* amy ny zavatra rehetra, tsy mahalala *fetra, onony* na amin' inona na amin' inona izy. 4°—, Izay ahazoana, — ahatanterahana, — ahavitana. Il a pris des mesures pour avoir cette place. Nanao *izay ahazoana* izany tanána izany izy. Il a pris des mesures pour cela. Nanao *izay ahatanterahana, izay ahavitana* izany izy.

À mesure que, *loc. conj*. Araka izay.

On vous paiera à —que vous travaillerez. Homena vola *araka izay* iasanao hianao.

Au fur et à mesure, *loc. adv.* Araka izay.

Outre mesure, sans mesure, *loc. adv.* Diso ohatra, mafy loatra, be loatra, tsy anerany, izaitsizy. Il a été battu outre —. *Diso ohatra, mafy loatra* ny kapoka natao taminy. Il dépense sans —. Efa *diso ohatra, be loatra, tsy anerany, izaitsizy* ny laniny.

MESURÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Voarefy, norefesina, voazehy, nozehena, voadia, nodiavina, voafatra, nafatra, voaohatra, noharina. 2° *fig.* Malina. Il se sert de termes peu mesurés. Tsy *malina* amy ny teniny, mihoa-bava izy.

MESURER, *va.* 1° Mandrefy, manjehy, mandia, mamatra, manohatra. — par brasses. *Mandrefy.* — avec le mètre. *Mandrefy* amy ny metatra. —par empans. *Manjehy.* —avec le pied. *Mandia.* —une colonne. *Mandrefy* andry.— des yeux la profondeur d'un précipice. *Mandrefy* ny halalin'ny tevana anankiray amy ny fijeren'ny maso. — du blé, du vin. *Mamatra* varim-bazaha, divay. 2° *fig.* Mandanja, mampifandanja, mampifanaraka, manao ho. Il sait — ses discours et ses actions. Mahay *mandanja* ny teniny sy ny ataony izy. — sa dépense sur ses revenus. *Mampifandanja, mampifanaraka* ny laniny amy ny azony. Il me croit de mauvaise foi, il mesure tout le monde à son aune. Heveriny angaha fa tsy manao an-kitsim-po aho, *ataony ho* tahaka azy avokoa ny olona rehetra.

Se mesurer, *vpr.* 1° Refesina, zehena, diavina, afatra. 2° *fig.* Mifamely, miady. Ils se sont mesurés. *Nifamely, niady* izy roa lahy.

MESUREUR, *sm.* Mpamatra.

MÉSUSER, *vn.* Manary foana, mitondra hanao ratsy. Il a mésusé de vos bienfaits. *Nariany foana, nentiny hanao ratsy* ny soa nataonao taminy.

MÉTAIRIE, *sf.* Saha volena isasahana, — iteloana, saha hofana.

MÉTAL, *sm.* Metaly.

MÉTALLIFÈRE, *adj.* Misy metaly.

MÉTALLIQUE, *adj.* Momba ny metaly, hoatra ny metaly.

MÉTALLURGIE, *sf.* Fahaizana momba ny fihadiana sy ny fandiovana metaly.

MÉTAMORPHOSE, *sf.* 1° Fiovana ho hafa, fanjariana ho hafa. 2°—, Fiovana, fanjariana. 3° *fig.* Fiovan-toetra.

MÉTAMORPHOSER, *va.* 1° Manova ho hafa, mampanjary ho hafa. 2° *fig.* Mampiova toetra. Les honneurs l'ont métamorphosé. *Nampiova toetra* azy ny voninahitra.

Se métamorphoser, *vpr.* 1° Miova ho hafa, manjary ho hafa. 2°—, Miova, manjary. 3° *fig.* Miova toetra. Comme SE TRANSFORMER.

MÉTAPHORE, *sf.* Ohatra, fanoharana. C'est par — qu'on dit d'un homme courageux, c'est un lion. *Ohatra,* etc., no ilazana ny mahery fo hoe, liona.

MÉTAPHORIQUE, *adj.* Misy ohatra, misy fanoharana.

MÉTAPHORIQUEMENT, *adv.* Amin' ohatra, amim-panoharana.

MÉTAPHYSICIEN, *sm.* Mpahay *métaphysique.*

MÉTAPHYSIQUE, *sf.* Fahaizana mamotopototra ny zavatra lalina momba an' Andriamanitra, ny fanahy, etc.

—, *adj.* 1° Momba ny *métaphysique.* 2°—, Saro-pantarina. Ce que vous dites est bien —. *Saro-pantarina* loatra izay lazainao.

MÉTAYER, ÈRE, *s.* Mpamboly saha isasahana, — iteloana, — hofána.

MÉTEMPSYCOSE, *sf.* Fifindran' ny ambiroa amy ny vatan-javatra hafa.

MÉTÉORE, *sm.* Zavatra miseho amy ny atmosfera.

MÉTÉOROLOGIE, *sf.* Fahaizana momba ny zavatra miseho amy ny atmosfera.

MÉTÉOROLOGIQUE, *adj.* Momba ny zavatra miseho amy ny atmosfera.

MÉTHODE, *sf.* 1° Fomba. Il a inventé une nouvelle — d'enseignement. Namorona *fomba* fampianarana vaovao izy. 2°—, Filaharana, filaminana. Il y a de la— dans cet ouvrage. *Milahatra, milamina* ny zavatra rehetra amin' izany boky izany. 3°—, Fanao. Chacun a sa —. Samy manana ny *fanaony.*

MÉTHODIQUE, *adj.* Mahay mandahatra, — mandamina, milahatra, milamina. C'est un esprit—. Olona *mahay mandahatra, mahay mandamin*-javatra izy. Discours —. Laha-teny *milahatra, milamina.*

MÉTHODIQUEMENT, *adv.* Amim-pilaharana, amim-pilaminana.

MÉTHODISME, *sm.* Fampianaran' ny Independenta.

MÉTHODISTES, *sm. pl.* Independenta.

MÉTICULEUX, EUSE, *adj.* Be ahiahy loatra, manahy loatra. La faiblesse de sa santé le rend—. Tonga *be ahiahy loatra,* etc., izy noho izy farofy.

MÉTIER, *sm.* 1° Taozavatra, raharaha. Il apprend un —. Mianatra *taozavatra* izy. Quel est son — ? Inona no *taozavatra,* etc., ataony? Il est maçon de son —. Tambato no *taozavatra,* etc., fanaony. Il aime le — des armes. Tia ny *raharahan'* ny miaramila izy. 2°—, Milina, fanaovan-taozavatra. — de tisserand. *Milina* fanenomana. — pour faire de la dentelle. *Fanaovana* dantely. 3° *fig.* Raharaha, fanao. Quand chacun fait son—, les vaches sont bien gardées. Raha samy manao ny *raharahany,* dia milamina ny zavatra rehetra. Il fait le — de délateur. Ny mitati-bolana no *fanaony,* mpitati-bolana izy.

MÉTIS, ISSE, *s.* et *adj.* Zafindraony, kinto, sary. Enfant —. Zaza *zafindraony.* Bœuf—. Omby *zafindraony.* Poulet —. Akoho *zafindraony, kinto.* Canard —. *Sarin*-dokotra.

MÈTRE, *sm.* Metatra.

MÉTRIQUE, *adj.* Momba ny metatra. Système—. Fomba fandrefesana, famarana sy fandanjana miankina *amy ny metatra.*

MÉTROPOLE, *sf.* 1° Tanána misy arseveka. 2°—, Reny fanjakana.

—, *adj.* Misy arseveka. Église—. Trano leglizy *misy arseveka.*

MÉTROPOLITAIN, AINE, *adj.* Misy arseveka. Église métropolitaine. Trano leglizy *misy arseveka.*

—, *sm.* Arseveka.

METS, *sm.* Nahandro, laoka.— délicats. *Nahandro,* etc., matsiro.

METTABLE, *adj.* Azo entina. Cet habit n'est plus—. Tsy *azo entina* intsony ity akanjo ity.

METTRE, *va.* 1° Mametraka, manao, manisy, mandatsaka. Mettez chaque chose à sa place. Samy *apetraho, ataovy* amy ny fitoerany avy ny zavatra rehetra.— du sel dans un ragoût. *Manisy* sira ny nahandro. —quelqu'un en prison. *Manao, mandatsaka* olona an-tranomaizina. — un enfant au collège. *Mametraka, mandatsaka* zazalahy amy ny kolejy.— son argent à la banque. *Mametraka* ny volany amy ny banky. Il a mis beaucoup d'argent à la loterie. *Nandatsaka* vola be tamy ny lotery izy.— un fer à un cheval. *Manisy* kitrovin-tsoavaly. — ses idées par écrit. *Mandatsaka* an-tsoratra ny heviny. —quelqu'un au nombre de ses amis. *Manao* olona ho isan'ny sakaizany. 2°—, Mitafy, miakanjo, mi.... —un manteau. *Mitafy* kapaoty. —sa chemise. *Miakanjo* lobaka. — ses souliers. *Mi*kiraro.— son chapeau. *Mi*satroka. 3°—, Mahandro, manamboatra. —un poulet en fricassée. *Mahandro* akoho voatetika.— la table. *Manamboatra* fomban-databatra. 4°—, Mamafy, mamboly. — une terre en blé. *Mamafy* varim-bazaha amy ny tany anankiray. — une terre en vigne. *Mamboly* voaloboka amy ny tany anankiray. 5°—, Mampiseho, maha..., man..., mi..., mampan..., mampi.... — de la discrétion dans sa conduite. *Mampiseho* fahamalinana amy ny fitondran-tenany.— dans l'embarras. *Maha*sanganehana.— en colère. *Maha*tezitra. —en ordre. *Man*dahatra, *man*damina.— en liberté. *Man*afaka. — une fontaine à sec. *Man*dritra fantsakana.— en vente. *Mi*varotra. — un enfant au monde. *Mi*teraka zazalahy. —en fuite. *Mampan*dositra. —un prince sur le trône. *Mampan*jaka andriana. — en évidence. *Mampi*harihary. Je les ai mis bien ensemble. *Nampi*fanarahiko tsara izy ireo.

Se mettre, *vpr.* 1° Mipetraka, miainga, milatsaka, manomboka, miantomboka, manao, mi.... Se — à table. *Mipetraka* hihinana. Se — en route. *Miainga* handeha. Se — en apprentissage. *Milatsaka* hianatra taozavatra. Il s'est mis tout de bon à étudier. *Nanomboka* hianatra tsara izy. Depuis qu'il s'est mis à jouer, il a entièrement quitté l'étude. Hatramy ny *niantombohany* nilalao, dia tsy nianatra intsony izy. Je n'ai pas renoncé à cet ouvrage, je m'y mettrai incessamment. Tsy mbola navelako izany asa izany, fa *hataoko* raha afaka kelikely. Se — à l'abri. *Mi*aloka. Se —en garde. *Mi*tandrina. Se — sur les rangs. *Mi*lahatra. 2°—, Mitafy, miakanjo. Il se met bien. *Mitafy, miakanjo* tsara izy.

MEUBLE, *adj.* Mora asaina, mora hevoina. Terre —. Tany *mora asaina,* etc., loha tany. ‖ *loc.* Biens meubles. Vola aman-karena afa-tsy ny tany sy ny trano.

—, *sm.* 1° Fanaka. Il a des meubles superbes. Mahafinaritra ny *fanaka* ao antranony. 2°—, Vola aman-karena afa-tsy

ny tany sy ny trano. L'argent comptant, les bijoux, la vaisselle d'argent sont regardés comme meubles. Samy azo atao hoe *vola aman-karena* avokoa ny vola an-tánana, ny firavaka, ny lovia vola.

MEUBLÉ, ÉE, *adj.* 1° Misy fanaka. Chambre meublée. Efi-trano *misy fanaka*. 2° *fig.* Il a la tête bien meublée. Mahay zavatra betsaka izy.

MEUBLER, *va.* 1° Manisy fanaka. 2° *fig.* — sa mémoire. Mampitombo ny fahaizany.

Se meubler, *vpr.* Mividy fanaka.

MEULE, *sf.* 1° Kodiaram-bato fitotoanjavatra. — de moulin. *Kodiaram-bato fitotoana* varim-bazaha. 2°—, Vatoasana. Passer un couteau sur la —. Manasa antsy amy ny *vatoasana*. 3° —, Antontany. — de blé. *Antontam*-barim-bazaha.

MEUNIER, IÈRE, *s.* Mpitandrina ny fitotoana varim-bazaha.

MEURTRE, *sm.* Famonoana olona. Il est accusé de —. Ampangaina ho *namono olona* izy. Il s'est commis beaucoup de meurtres cette année. Betsaka ny *olona novonoin'* olona tamin' ity taona ity.

MEURTRIER, IÈRE, *s.* Olona namono olona.

—, *adj.* Mandripaka, mandringana. Maladie —. Aretina *mandripaka*, etc.

MEURTRIÈRE, *sf.* Hirika fitifirana amy ny manda.

MEURTRI, IE, *p.* et *adj.* 1° Mangana. Il est tout — de coups. *Mangan'* ny kapoka ny tenany rehetra. 2°—, Maratra, misy fery.

MEURTRIR, *va.* 1° Manamangana. 2° —, Mandratra, manisy fery. La grêle a meurtri ces pêches. *Maradratra, misy feriferiny* ireo paiso ireo azon' ny havandra.

Se meurtrir, *vpr.* 1° Mangana. 2° —, Maratra, misy feriny.

MEURTRISSURE, *sf.* 1° Hamangana. 2°—, Ratra, fery.

MEUTE, *sf.* Andian' alika mpihaza.

MI, An-tenatena, am-pisasahana, mamatona. On vous paiera à la— carême. Homena ao *an-tenatenan'* ny karemy ny volanao. Je vous conduirai jusqu'à— chemin. Hateriko hatrany *an-tenatena* lálana, *am-pisasahan*-dálana hianao. Il y a de l'eau jusqu'à— jambes. *An-tenatena* ranjo, *mampisasaka* ny ranjo, *mamaton*-dranjo ny rano.

MIASMATIQUE, *adj.* Misy fofon-dratsy.

MIASME, *sm.* Fofon-dratsy.

MIAULEMENT, *sm.* Finaonaona, fimenomenona, meo.

MIAULER, *vn.* Minaonaona, mimenomenona, mimeomeo. J'entends un chat qui miaule. Mahare saka *minaonaona*, etc., aho.

MICA, *sm.* Ela-drano.

MICACÉ, ÉE, *adj.* Misy ela-drano.

MICHE, *sf.* Mofo boribory lehibe.

MICMAC, *sm.* Hafetsen-dratsy. Il y a du — dans cette affaire. Misy *hafetsen-dratsy* amin' izany raharaha izany.

MICROSCOPE, *sm.* 1° Fitaratra fanalehibiazana ny zavatra jerena, mikroskopy. 2° *fig.* Il voit tout avec un —. Ampitomboiny ao an-tsainy avokoa ny zavatra rehetra.

MICROSCOPIQUE, *adj.* Atáo amy ny mikroskopy, tsy hita afa-tsy amy ny mikroskopy. Animal —. Biby *tsy hita afa-tsy amy ny mikroskopy.*

MIDI, *sm.* 1° Misasaka andro, mitatao vovonana, roa amby ny folo. Je me rendrai là à —. Ho tonga any aho amy ny *misasaka andro*, etc. — est sonné. Efa velona ny amy ny *roa amby ny folo.* ‖ *loc.* En plein —. Antoandro be. Chercher — à quatorze heures. Manasaro-draharaha, be olakolaka amy ny zavatra mazava. 2° —, Atsimo. Les contrées du —. Ny tany *atsimo*. 3° —, Vakin-tany atsimo. Il a ses biens dans le — de la France. Any amy ny *vakiny* Frantsa *atsimo* ny fananany.

MIE, *sf.* Ati-mofo.

MIEL, *sm* 1° Tantely. — sauvage. *Tantely* remby. Mouches à —. *Renitantely.* Aller à la recherche du —. *Manantely.* 2° *fig.* On prend plus de mouches avec du — qu'avec du vinaigre. Ny halemem-panahy fa tsy ny halozana no ahazoana ny olona, ny teny malemy mahamora harena.

MIELLÉ, ÉE, *adj.* 1° Misy tantely. Eau miellée. Rano *misy tantely*. 2°—, Malefaka. Il a des paroles miellées. *Malefaka* am-bava izy.

MIELLEUX, EUSE, *adj.* 1° Mamimamy. Cette liqueur a un goût —. *Mamimamy* izany lalikera izany. 2° *fig.* Malefaka am-bava, malefaka. Personne mielleuse. Olona *malefaka am-bava.*

MIEN, MIENNE, *adj. pos.* et **LE MIEN, LA MIENNE,** *pron. pos.* Ahy,



ny ahy. Dites votre avis, je dirai le —. Lazao ny hevitrao, dia holazaiko *ny ahy*.

—, *sm*. 1° Ny ahy. Je ne réclame que le —. Tsy mila afa-tsy *ny ahy* aho. 2° —, *pl*. Ankohonana, sakaiza. Il n'aime que moi et les miens. Tsy tia afa-tsy izaho sy ny *ankohonako* izy. ‖ *loc*. Je raconte sans y mettre du —. Tsy misy nampiako amin' izany tantara izany. J'ai bien fait des miennes dans ma jeunesse. Nampiseho hadalana tokoa aho, fony tanora.

MIETTE, *sf*. 1° Sombi-mofo. Amasser les miettes. Manangona ny *sombi-mofo*. 2° —, Sombiny kely, potiny kely. Donnez-m'en une —. Omeo *sombiny kely, potiny kely* aho.

MIEUX, *adv*. Tsaratsara kokoa, kokoa, aleo. Je te connais — que tu ne crois. Fantatro *tsaratsara kokoa* hianao noho ny fihevitrao. Il n'y a rien de —. Tsy misy *tsaratsara kokoa* noho izany. Il est —. *Tsaratsara kokoa* ny toetrany. J'aime — ce livre que l'autre. Ity boky ity no tiako *kokoa* noho ity hafa. — vaut s'accommoder que de plaider. *Tsaratsara kokoa, aleo* ny mifanaraka toy izay miady.

—, *sm*. Ny tsaratsara kokoa. Le — est de se taire. *Ny tsaratsara kokoa* dia ny mangina. Ses affaires vont de — en —. Mandroso *mihatsaratsara* ny raharahany. Il y a du — dans son état. Efa *tsaratsara kokoa* ny toetrany.

Au mieux, le mieux du monde, *loc. adv*. Tsara dia tsara. Cela va le — du monde. Mandroso *tsara dia tsara* izany.

Du mieux, le mieux, *loc. conj*. Araka izay tratry ny aina, — izay azo atao. Il a fait du —, le — qu'il a pu. Nanao *araka izay tratry ny ainy*, etc., izy. J'ai fait de mon —. Nanao *araka izay tratry ny aiko*, etc., aho.

MIGNARD, ARDE, *adj*. Mihantahanta, mikonetaka, miangolangola, miangentsangentsana.

MIGNARDEMENT, *adv*. Amim-pihantana, amim-piangolangolana, amim-piangentsangentsanana. Parler —. *Miangolangola* fiteny, *miangentsangentsam*-piteny.

MIGNARDER, *va*. Mampihantahanta, mampiangolangola. Cette mère mignarde son enfant. *Ampihantahantain'* io reniny io ny zanany.

Se mignarder, *vpr*. Mihantahanta, mikonetaka, miangolangola, miangentsangentsana. Cette femme se mignarde trop. Fatra-*pihantahanta*, etc., loatra ravehivavy io.

MIGNARDISE, *sf*. Fihantahantana, fikonetaka, fiangolangolana, fiangentsangentsanana. Cet enfant obtient tout ce qu'il veut par ses mignardises. Mahazo izay rehetra iriny io zaza kely io noho ny fahaizany *miangolangola*.

MIGNON, ONNE, *adj*. Tsara tarehy, mahafatifaty. Il a un visage —. *Tsara tarehy* izy, *mahafatifaty* ny tarehiny.

—, *s*. Malala, tiana indrindra, sombin' aina. Cet enfant est le — de la famille. *Malala, tian'* ny mpianakavy *indrindra* io zazalahy io. Mon petit —. Ry *sombin' aiko*.

MIGNONNEMENT, *adv*. Tsara dia tsara.

MIGNOTER, *va*. Mampihantahanta.

Se mignoter, *vpr*. Mihantahanta, mikonetaka.

MIGRAINE, *sf*. Aretin' andoha, tevidoha, vangoloha. La — cause des maux de cœur. Mampisalebolebo ny ambavafó ny *aretin' andoha*, etc.

MIGRATION, *sf*. Fifindran-tany.

MIL, *adj. num*. Arivo. — huit cents. Valon-jato sy *arivo*.

MILAN, *sm*. Papango.

MILICE, *sf*. 1° Mpiantafika, miaramila. Vaillante —. *Mpiantafika*, etc., mahery fo. 2° —, Miaramila miambina ny tany fonenany.

MILICIEN, *sm*. Miaramila miambina ny tany fonenany.

MILIEU, *sm*. 1° Ampovoany, afovoany, anivony, fisasahana, famatonana, antenatena, aty, anaty. Voici le — de la place. Itsy ny *ampovoany, afovoan'*ny kianja. Cette ville est située au — de la France. Ao *ampovoany, afovoany, anivony* Frantsa izany tanána izany. Coupez ce fruit au —. Vakio ao *ampovoany, afovoany*, amy ny *fisasahany* io voankazo io. Il est arrivé au — de la nuit. Tonga tamy ny *misasaka, mamatona* alina izy. Le — de son discours est fort beau. Tsara dia tsara ny *antenatenan'* ny laha-teniny. Nous sommes au — de l'hiver. Efa mby amy ny *aty* ririnina isika. Il vit au — des plaisirs. Ao *ampovoany, anatin'* ny fifaliana izy. L'air est le — dans lequel nous vivons. Ao *anatin'* ny rivotra no iainantsika. Cette langue de terre s'avance au — de la mer. Mitsopaka any *anaty* ranomasina io tsiraka io. 2° *fig*

Ny antonintoniny, fialana, hevitra manelanelana. La vertu se trouve dans un juste —. Ao amy ny *antonintoniny* ny hatsaram-panahy. Il n'y a point de —, il faut se rendre ou combattre. Tsy misy *ialana*, fa tsy maintsy hitolo-batana na hiady. Cherchez ùn — pour contenter l'un et l'autre. Tadiavo izay *hevitra manelanelana* hahafaly azy roa lahy.

MILITAIRE, *adj.* Momba ny ady, — ny miaramila. L'art —. Ny fahaizana *momba ny ady.* Les autorités militaires. Ny mpifehy *miaramila.* Emplois militaires. Raharaha *momba ny miaramila.* Heure —. Fotoa-*miaramila.* C'est là que se font les exécutions militaires. Eo no famonoana ny *miaramila.*

—, *sm.* Miaramila, foloalindahy. C'est un bon —. *Miaramila* tsara izy. On a donné des récompenses à tous les vieux militaires. Nomena valisoa ny *foloalindahy* maintimolaly rehetra.

MILITAIREMENT, *adv.* Hoatra ny miaramila.

MILITANT, ANTE, *adj.* Miady. Il a l'esprit —. Mahery *miady* izy. L'Eglise militante. Ny Eglizy *miady.*

MILITER, *vn.* Manamarina. Cet argument milite en ma faveur. *Manamarina* ny ahy izany porofo izany.

MILLE, *adj. num.* 1° Arivo, alina, hetsy. — hommes. Olona *arivo.* Dix —. Iray *alina.* Cent —. Iray *hetsy.* 2° —, Tsy tambo isaina, alinalina. — preuves se réunissent contre lui. Porofo *tsy tambo isaina,* etc., no mamely azy. || *loc.* — fois. Injato inarivo, injato kely. Je vous ai dit cela — fois. Efa voalazako *injato inarivo,* etc., taminao izany.

—, *sm.* Maily. Il fait dix milles à l'heure. Mahalasa *maily* folo isan' adimpamantaranandro izy.

MILLÉNAIRE, *sm.* Arivo taona.

MILLE-PIEDS, *sm.* Marotanana.

MILLÉSIME, *sm.* Marika milaza ny taona nahavitan' ny medaly, ny farantsa, etc.

MILLET, *sm.* Karazan' ampemba.

MILLIAIRE, *adj.* Milaza ny isan' ny maily.

—, *sm.* Tsangam-bato milaza ny isan' ny maily.

MILLIARD, *sm.* Arivo tapitrisa.

MILLIÈME, *adj.* Faharivo. Il est le —. *Faharivo* izy. La — partie. Ny *ampaharivony.* Il a la — partie des bénéfices. Azy ny *ampaharivon'* ny tombombarotra.

—, *sm.* Ny ampaharivony.

MILLIER, *sm.* 1° Arivo. Cette boite contient un — d'épingles. Misy paingotra *arivo* ao anatin' io vata io. 2° —, Arivo livatra. Cette cloche pèse deux milliers. Roa *arivo* livatra no lanjan' io lakolosy io. 3° —, Tsy tambo isaina. Je pourrais vous en citer un — d'exemples. Zavatra *tsy tambo isaina* mitovy amin' izany no azoko lazaina aminao.

MILLIGRAMME, *sm.* Ny ampaharivon' ny grama.

MILLIMÈTRE, *sm.* Ny ampaharivon' ny metatra.

MILLION, *sm.* 1° Tapitrisa. 2° —, Ariary roa hetsy. On lui a compté un —. Nomena *ariary roa hetsy* izy. || *loc.* Un — de fois. Injato inarivo. J'ai ouï dire cela un — de fois. Efa reko *injato inarivo* izany.

MILLIONIÈME, *adj. num.* Fahatapitrisa. La — partie. Ny *ampahatapitrisany.*

—, *sm.* Ny ampahatapitrisany.

MILLIONNAIRE, *adj.* et *s.* Mpanjato be, mpanefoefo, tremalahy, manontany ny ory, mpanarivo.

MIME, *sm.* Olona mianatra ny fihetsika na ny fitenin' olona.

MIMER, *va.* Mianatra ny fihetsika na ny fitenin' olona.

MIMIQUE, *sf.* Fahaizana mianatra ny fihetsika na ny fitenin' olona.

MIMOSA, *sf.* Kelimanjakalanitra, mihoronkoroana. Comme SENSITIVE.

MINARET, *sm.* Tilikambo milingilingy amy ny trano fivavahan' ny Silamo.

MINAUDER, *vn.* Miangolangola, miangentsangentsana. Cette femme ne fait que —. *Miangolangola,* etc., be hiany io vehivavy io.

MINAUDERIE, *sf.* Angolangola, fiangolangola, angentsangentsana, fiangentsangentsana. Je n'aime point toutes ces minauderies. Tsy tiako izato *angolangola,* etc., be hiany izato.

MINAUDIER, IÈRE, *s.* et *adj.* Mpiangolangola, mpiangentsangentsana.

MINCE, *adj.* 1° Manify, kararavina. Etoffe —. Lamba *manify,* etc. 2° *fig.* Kely. Il nous a donné un — dîner. *Kely* ny sakafo nomeny anay.

MINE, *sf.* 1° Tarehy, endrika, toetra. Elle a une jolie —. Tsara *tarehy, en-*

driha izy. Il a la — fière. Mianjonanjona *endrika. toetra* izy. Il a la — d'un vaurien. *Mitarehy, miendrika, mitoetr'* olon-tsy vanona izy. Il a une—grave. Manana *toetra* maotona, *mitoetr'* olona maotona izy. Il fait bonne — aux étrangers. Miramirana *endrika* amy ny vahiny izy. Il m'a fait mauvaise —. Sosotsosotra *endrika* tamiko izy. Homme de mauvaise —. Olona ratsiratsy *endrika*, mampiahiahy. On voit à sa — que c'est un méchant sujet. Hita amy ny *endriny* fa olona ratsy fanahy izy. Il a bonne —. *Miendrik'* olona salama izy Il a mauvaise —. *Miendrika, mitoetr'* olo-marary izy. Ce mets a bonne —. *Endriky* ny ho tsara izany nahandro izany. ‖ *loc.* Faire la — à quelqu'un. Midongy amin' olona. Faire — de. Mody.... Il a fait — de vouloir s'en aller. *Nody* ta-handeha izy.

MINE, *sf.* 1° Tany misy metaly, tany misy mineraly. — d'or. *Tany misy* volamena. — de diamants. *Tany misy* diamondra. 2°—, Lavaka fihadiana metaly, — mineraly. La — s'éboula. Nianjera ny *lavaka fihadiana metaly,* etc. 3°—, Vanja nalevina, lamína. La — fit une brêche aux remparts. Ny *vanja nalevina* nampisy nikoa ny mánda. Charger une—. *Mandevim-banja,* mamahana *lamína.* Mettre le feu à une —. Mandrehitra *vanja nalevina, lamína.* 4° *fig.* L'agriculture est une — féconde de trésors. Ny fiasan-tany no fototry ny fahazoan-karena. C'est une — de savoir. Olona mahay dia mahay izy.

MINER, *va.* 1° Mandevim-banja. — une batterie. *Mandevim-banja* any ambanin' ny baterý. 2°—, Mihady. Les rivières minent leurs bords. Ny renirano *mihady* ny morony. 3° *fig.* Mihinana, homana. La maladie le mine. *Mihinana,* etc., azy ny aretina.

MINERAI, *sm.* Metaly tsy voaempo. Laver le —. Manasa *metaly tsy voaempo.*

MINÉRAL, *sm.* Mineraly.

MINÉRAL, ALE, *adj.* Momba ny mineraly.

MINÉRALOGIE, *sf.* Fahaizana momba ny mineraly.

MINET, ETTE, *s.* Saka kely.

MINEUR, *sm.* 1° Mpihady metaly, mpihady mineraly. 2°—, Miaramila mpandevim-banja.

MINEUR, EURE, *adj.* et *s.* Tsy maoty, tsy mahazaka tena, tsy mahaleo tena. Un enfant —. Zaza *tsy maoty,* etc.

MINIATURE, *sf.* 1° Hoso-doko madinika mahafinaritra atao amy ny loko mibaro gaoma. 2° *fig.* Zazavavy tsara tarehy.

MINIATURISTE, *sm.* Mpanao *miniature.*

MINIER, IÈRE, *adj.* Misy metaly, misy mineraly. Les gisements miniers. Ny tany *misy metaly,* etc.

MINIME, *adj.* Kely, bitika, kitika.

MINIMUM, *sm.* Ny ambany indrindra. Il a été condamné au — de l'amende. Nohelohina handoa ny sazy *ambany indrindra* izy.

MINISTÈRE, *sm.* 1° Raharaha, fanompoana. Il s'acquitte bien de son —. Mahatanteraka tsara ny *raharahany,* etc., izy. Il s'est voué au — des autels. Nanokan-tena mba hanao ny *raharahan'* ny pretra izy. 2°—, Fanampiana, alalana. Comptez sur mon —. Matokia fa *hanampy, hanalalana* anao aho. Voy. Intermédiaire. 3°—, Ny ministra rehetra, kabinetra. Le — a été changé. Nosoloana ny *ministra rehetra,* etc. 4°—, Raharahan' ny ministra, taona mahaministra, trano fanaovan'ny ministra raharaha, trano fitoeran' ny ministra.

MINISTÉRIEL, ELLE, *adj.* 1° Momba ny raharahan' ny ministra, ataon' ny ministra, avy amy ny ministra. Circulaire ministérielle. Taratasy *ampitondrain'ny ministra.* 2°—, Miandany amy ny ministra. Journal—. Gazety *miandany amy ny ministra.*

MINISTRE, *sm.* 1° Ministra, lehiben' ny mpanao raharaha amy ny fanjakana.— de l'intérieur. *Ministra, lehiben' ny mpanao raharaha* amy ny aty tany. 2° —, Ambasadaora. — plénipotentiaire. *Ambasadaora* nahazo fahefana tsy voafetra. 3°—, Mpanao raharaha. Les ministres de la religion. Ny *mpanao raharaham*-pivavahana, ny pretra. 4°—, Mpitondra fiangonana protestanta.

MINOIS, *sm.* Tarehy mahafinaritra.

MINORITÉ, *sf.* 1° Ny ankavitsiana. La —des Français. Ny *ankavitsian'* ny Frantsay. Il fut de l'avis de la—. Niray hevitra tamy ny *ankavitsiana* izy. 2°—, Tsy fahazakan-tena, tsy fahaleovan-tena.

MINOTERIE, *sf.* Trano fanaovana sy fivarotan-dafarina.

MINUIT, *sm.* Misasaka alina, mamatona

alina, roa amby ny folo alina. Allez-vous coucher, il est—. Mandehana mandry, fa efa *misasaka alina, mamatona alina*, efa amy ny *roa amby ny folo alina* izao. —est sonné. Efa velona ny *amy ny roa amby ny folo alina*.

MINUSCULE, *adj*. Madinika. Lettre —. Litera *madinika*.

—, *sf*. Litera madinika.

MINUTE, *sf*. 1° Minitra. L'heure est composée de soixante minutes. Misy enim-polo *minitra* ny adim-pamantaranandro iray. 2°—, Vetivety foana, haingana. Je reviens dans une—. Hiverina *vetivety foana* aho. Il n'y a qu' une — qu'il est parti. Vao *vetivety foana* teo no nialany. 3°—, Ambangovangon-tsoratra, bokim-panjakana fakana kopia.

MINUTER, *va*. Manao ambangovangon-tsoratra.

MINUTIE, *sf*. Zavatra madinidinika,— tsinontsinona. Ce que vous dites là est une —. *Zavatra madinidinika,* etc., izany lazainao izany.

MINUTIEUSEMENT, *adv*. Amimpahamalinana, miahy loatra ny zavatra madinika.

MINUTIEUX, EUSE, *adj*. Be keninkenina, malimalina, miahy loatra ny zavatra madinika. Esprit —. Olona *be keninkenina*, etc.

MIOCHE, *sm*. Kotokely.

MI-PARTI, IE, *adj*. Hafa sasaka, misasaka. Robe mi-partie d'écarlate et de velours noir. Zipo *hafa sasaka* natao tamy ny jaky sy ny volory mainty. Les avis sont mi-partis. *Misasaka* ny hevitra.

MIRACLE, *sm*. 1° Fahagagana nataon' Andriamanitra. 2°—, Fahagagana, zavamahagaga. C'est un — qu'il soit venu si vite. *Mahagaga* raha tonga haingana toy izany izy.

MIRACULEUSEMENT, *adv*. 1° Misy fahagagana. 2°—, Mahagaga.

MIRACULEUX, EUSE, *adj*. 1° Misy fahagagana. Sa guérison est miraculeuse. *Fahagagana* no nahasitrana azy. 2°—, Mahagaga.

MIRAGE, *sm*. 1° Zavatra mandrendrirendry. 2° *fig*. Hadisoan-kevitra. Ton espoir n'est qu'un —. *Hadisoan-kevitra* hiany ny fanantenanao.

MIRE, *sf*. Fikendrena. Point de —. Ny *kendrena*, tigetra; *fig*. ny zavatra *kendrena*. La fortune est le point de — des ambitieux. Ny harena no *zavatra kendren'* ny matimatim-boninahitra.

MIRER, *va*. 1° Mikendry. — le but. *Mikendry* tigetra. 2°—, Mitaratra. — un œuf. *Mitaratra* atody. 3° *fig*. Mikendry. — un emploi. *Mikendry* raharaha.

Se mirer, *vpr*. Mizaha fitaratra, mitaratra tarehy. Mirez-vous. *Mizahà fitaratra*. Se — dans l'eau. *Mitaratra tarehy* amy ny rano.

MIRLITON, *sm*. Karazan-tsotsókan' ankizy atao amy ny volotara.

MIRMIDON, *sm*. 1° Olona botry. 2° *fig*. Mpirehaka.

MIROIR, *sm*. 1° Fitaratra, zavatra azo itarafana. Se regarder dans un —. Mizaha *fitaratra*. — convexe. *Fitaratra* mivohitra. 2° *fig*. Fanambarana, fampisehoana. Les yeux sont le — de l'âme. Ny maso no *manambara, mampiseho* ny ao am-po.

MIROITANT, ANTE, *adj*. Mitaratataratra, manjelajelatra.

MIROITEMENT, *sm*. Fitaratataratra, fanjelajelatra.

MIROITER, *vn*. Mitaratataratra, manjelajelatra.

MIS, ISE, *p*. et *adj*. 1° Voapetraka, napetraka, natao, nasiana, nalatsaka. 2°—, Mitafy, miakanjo. Il est bien —. *Mitafy*, etc., tsara izy. 3°—, Nandrahoina, voavoatra, namboarina. 4°—, Veafafy, nofafazana, voavoly, novolena. 5°—, Naseho. Voy. Mettre.

MISAINE, *sf*. Salazana amy ny loha sambo.

MISANTHROPE, *sm*. Tsy tia olona, ory ampiana, mpiolonolona.

MISANTHROPIE, *sf*. Tsy fitiavana olona, fiolonolonana.

MISE, *sf*. 1° Vola alatsaka anaovam-barotra na ilokana. Sa — dans cette affaire est de cinqante mille francs. Iray alina ny *vola nalatsany* tamin' izany raharaha izany. Nous jouons petit jeu, la — n'est que de cinq francs. Manao loka kely izahay, fa ariary hiany ny *vola alatsaka*. 2°—, Fitafy, fiakanjo, lamody. Cette étoffe n'est plus de—. Tsy *fitafy, lamody* intsony izany lamba izany. ‖ *loc*. — en liberté. Fanafahana. —en vente. Fivarotana. Voy. Mettre.

MISÉRABLE, *adj*. 1° Ory, mahantra, mikaforoforo, miporipory, fadiranovana. Famille—. Fianakaviana *ory*, etc. Il est dans un état—. *Ory*, etc., izy. C'est une

—condition que celle de l'homme. *Mahantra, fadiranovana* ny toetrantsika olombelona. Il a fait une fin—. Maty *mahantra, fadiranovana* izy. 2°—, Ratsy fanahy, ratsy, tsinontsinona. Il n'a qu'un— cheval. Tsy manana afa-tsy soavaly *ratsy, tsinontsinona* izy. Il a fait un discours—. *Tsinontsinona* ny lahateny nataony.

—, s. 1° Ny ory, ny mahantra, ny malahelo. Assister les misérables. Mamonjy ny *ory*, etc. 2°—, Ratsy fanahy. C'est un—. *Ratsy fanahy* izy. Voy. MALHEUREUX.

MISÉRABLEMENT, *adv.* 1° Ory, mahantra, mikaforoforo, miporipory, fadiranovana. Il vit—. Velona *ory*, etc., izy. 2°—, Ratsy dia ratsy.

MISÈRE, *sf.* 1° Fahoriana, fahantrana, fikaforoforo, fiporipory, hafadiranovana. Les misères de la vie. Ny *fahoriana* amy ny andro iainana. Il est mort de—. Matin' ny *fahoriana, fahantrana* izy. 2° —, Zavatra manahirana,— tsinontsinona. C'est une—que les procès. *Zavatra manahirana* ny ady. Il va reprendre le collier de —. Efa hanao ny raharahany *manahirana* indray izy. On ne lui reproche que des misères. *Zavatra tsinontsinona* hiany no aniniana azy.

MISÉRÉRÉ, *sm.* Mandalobe.

MISÉRICORDE, *sf.* Indrafo, famindram-po, findrafo. Il n'a pas de —. Tsy manana *indrafo*, etc., izy. Il implora la — du prince. Nangataka *famindram-po* tamy ny mpanjaka izy. Il faut espérer que Dieu nous fera —. Tokony hanantena isika fa *hamindra fo* amintsika Andriamanitra.

MISÉRICORDIEUSEMENT, *adv.* Amim-pamindram-po.

MISÉRICORDIEUX, EUSE, *adj.* et *s.* Be indrafo, be famindram-po, be findrafo, mamindra fo. Dieu est— envers les pécheurs. *Be indrafo*, etc., amy ny mpanota Andriamanitra.

MISSEL, *sm.* Boky fanaovan-damesa.

MISSION, *sf.* 1° Fanirahana, fahefana. Avez-vous — pour agir ainsi ? Moa *nirahina*, nahazo *fahefana* hanao izany va hianao? La — des apôtres vient de Jésus-Christ. *Nirahiny* Jeso-Kristy, nahazo *fahefanà* taminy Jeso-Kristy ny Apostoly. 2°—, Ny misionary rehetra amy ny fari-tany iray. La — de la Chine. Ny *misionary rehetra* any Sina. 3°—, Toriteny atao amy ny andro sasantsasany. On l'a envoyé en —. Nirahina *hitory teny amy ny andro sasantsasany* izy.

MISSIONNAIRE, *sm.* Misionary.

MISSIVE, *adj.* et *sf.* Taratasy ampitondraina.

MITAINE, *sf.* 1° Ga tapaka. 2°—, *pl.* Fitandremana. J'ai pris des mitaines pour l'avertir. Nanariko tamim-*pitandremana* izy.

MITE, *sf.* Kalalao.

MITIGATION, *sf.* Fanamorana, fampihenana.

MITIGER, *va.* Manamora, mampihena. — une loi. *Manamora* lalàna. — une peine. *Mampihena* famaizana.

MITONNER, *va.* — une affaire. Manao tsimoramora izay hahavanonana raharaha anankiray.

MITOYEN, ENNE, *adj.* Iombonana. Mur —. Ampiantany *iombonana*.

MITOYENNETÉ, *sf.* Fiombonana.

MITRAILLADE, *sf.* Fandefasan-tafondro mifahana tapatapa-by.

MITRAILLE, *sf.* Tapatapa-by atao balan-tafondro.

MITRAILLER, *vn.* Mamely amy ny tafondro mifahana tapatapa-bý. On a mitraillé pendant une heure. Nandritra adiny iray no *namelezana tamy ny tafondro mifahana tapatapa-by*.

—, *va.* Mitifitra amy ny tafondro mifahana tapatapa-by. On a mitraillé l'ennemi. *Notifirina tamy ny tafondro mifahana tapatapa-by* ny fahavalo.

MITRAILLEUSE, *sf.* Tafondro mifahana tapatapa-by.

MITRE, *sf.* Satroka fanaon' ny eveka amy ny lamesa hiraina.

MITRÉ, ÉE, *adj.* Misatroka *mitre*.

MIXTE, *adj.* 1° Misy zavatra maro loha naharo. Corps —. Zavatra *misy zavatra maro loha naharo*. 2° *fig.* Manelanelana. Opinion —. Hevitra *manelanelana*.

MIXTION, *sf.* Fampifangaroana zavatra maro atao fanafody.

MIXTIONNER, *va*, Mampifangaro zavatra maro atao fanafody.

MIXTURE, *sf.* Fanafody natao tamy ny zavatra maro nampifangaroina.

MNÉMONIQUE, *sf.* Fahaizana mampahatsiaro.

—, *adj.* Mampahatsiaro. Signes mnémo-

niques. Famantarana *mampahatsiaro.*

MOBILE, *adj.* 1° Mihetsiketsika, azo hetsehina. L'aiguille aimantée est — sur son pivot. *Mihetsiketsika* ao amy ny lahiny ny sahazam-pamantarana avaratra. 2°—, Miflindra, azo afindra. Pâques est une fête —. Paka dia fety *mifindra.* 3° *fig.* Miovaova. C'est un esprit —. Olona *miovaova* izy.

—, *sm.* 1° Hery mampihetsika. L'eau est le — de cette machine. Ny rano no *mampihetsika* io milina io. 2° *fig.* Fototra. L'argent est son unique —. Ny vola hiany no *fototry* ny zavatra ataony.

MOBILIAIRE, *adj.* Momba ny fanaka, momba ny vola aman-karena afa-tsy ny tany sy ny trano. Richesse —. Ny *fanaka,* ny *vola aman-karena afa-tsy ny tany sy ny trano.* Imposition —. Hetra *momba ny vola aman-karena afa-tsy ny tany sy ny trano.*

MOBILIER, IÈRE, *adj.* Momba ny fanaka, momba ny vola aman-karena afa-tsy ny tany sy ny trano. Les effets mobiliers. Ny *fanaka,* ny *vola aman-karena afa-tsy ny tany sy ny trano.*

—, *sm.* Fanaka. Il a un riche —. Manam*panaka* saro-bidy izy.

MOBILISATION, *sf.* Fampandehanana miaramila hanafika.

MOBILISER, *va.* Mampandeha miaramila hanafika.

MOBILITÉ, *sf.* 1° Fahamorana mihetsika. La — d'une boule. Ny *fahamoran'* ny zavatra boribory *hihetsiketsika.* 2° *fig.* Fiovaovana. La — des choses humaines. Ny *fiovaovan'* ny zavatra eto an-tany.

MODE, *sf.* 1° Lamody. Un habit à la —. Akanjo *lamody.* 2°—, Fanao, izay tiana. Chacun vit à sa —. Samy manao araka ny *fanaony, izay tiany.* 3°—, *pl.* Fihaingoana araka ny lamody. Magasin de modes. Trano fivarotam-*pihaingoana araka ny lamody.*

MODE, *sm.* 1° Fomba. — d'enseignement. *Fomba* fampianarana. 2°—, Fiovan' ny verba milaza toetra samihafa, mody.

MODELAGE, *sm.* Fanaovana sary fakan-tahaka.

MODÈLE, *sm.* 1° Fakan-tahaka, marika. — d'écriture. Soratra *fakan-tahaka.* — d'une statue. Sariolona *fakan-tahaka.* — de cire. Sary savoka *fakan-tahaka,* atao *marika.* — d'un édifice. *Mari*-trano. 2° *fig.* Fakan-tahaka, fakana ohatra, fianarana, oha-pitondran-tena. Réglez-vous sur ce —. *Maká tahaka, maká ohatra, mianara* azy. Il est un — de patience. Izy no tokony *halain-tahaka, halaina ohatra, hianarana* amy ny fandeferana. C'est un —. Mendrika *halain-tahaka, halaina ohatra, hianarana* izy. Jésus-Christ est notre —. Jeso-Kristy no *fakantsika tahaka, fianarantsika, oha-pitondrantenantsika.*

MODELER, *va.* 1° Manao sary fakan-tahaka. — une statue. *Manao* sariolona *fakan-tahaka.* 2° *fig.* Mampifanaraka. Modelez votre conduite sur celle des gens de bien. *Ampifanaraho* amy ny any ny tsara fanahy ny fitondran-tenanao.

Se modeler, *vpr.* Maka tahaka, maka ohatra, mianatra.

MODÉRATEUR, TRICE, *s.* 1° Mpitondra. Dieu est le — de l'univers. Andriamanitra no *mpitondra* izao tontolo izao. 2°—, Mpanindry, mpanaketraka. Il est le—de son parti. Izy no *mpanindry* ny andaniny, *mpanaketraka* ny firehidrehitry ny andaniny ombány.

MODÉRATION, *sf.* Fahalalana fetra, — ny antoniny, — onony. Il a usé de —. Nampiseho *fahalalana fetra,* etc., izy.

MODÉRÉ, ÉE, *adj.* Antoniny. Chaleur —. Hafanana *antoniny.*

—, *adj.* et *s.* Mahalala fetra, — ny antoniny, — onony. Un esprit —. Olona *mahalala fetra,* etc.

MODÉRÉMENT, *adv.* 1° Amim-pahalalana fetra. 2° —, Antonintoniny, tsy be loatra. Il boit —. Misotro *antonintoniny, tsy* misotro *be loatra* izy.

MODÉRER, *va.* 1° Mampihena, manalefaka, mampiadana. Modérez le feu du fourneau. *Ahenao, alefaho* ny afo ao am-patana. Il a modéré sa dépense. *Nahenany* ny laniny isan' andro. Modérez votre marche. *Adanadano* ny fandehanao. 2° *fig.* Manindry, manaketraka, mampionona, mampitony. Il a trop de feu, il faut le —. Mirehidrehitra loatra izy, ka tokony *hotsindriana, hoketrahina.* Modérez vos désirs. *Ketraho, onony* ny fanirianao. — sa colère. *Manaketraka, mampionona, mampitony* ny hatezerany.

Se modérer, *vpr.* 1° Mihena, mihamalefaka. Le froid commence à se —. *Mihena*, etc., sahady ny hatsiaka. 2° —, Mahalala fetra, — ny antoniny, — onony, manindry fo, mionona. Peu de gens savent se — dans la bonne fortune. Vitsy ny olona *mahalala fetra, ny antoniny, onony,* raha ambinina. Pourquoi vous emporter ainsi? modérez-vous un peu. Nahoana no tezitra toy izao hianao? *tsindrio, onony* kely ny fonao.

MODERNE, *adj.* Vao haingankaingana. Ouvrage —. Boky *vao haingankaingana.*

—, *sm.* Olo-mahay vao haingankaingana.

MODESTE, *adj.* Maotona, manetry tena, mahalala ny antoniny, antoniny, tsotra. Jeune fille —. Tovovavy *maotona.* Il est trop — pour souffrir qu'on le loue en sa présence. *Manetry tena* loatra izy, ka tsy tia dokadoka eo anatrehany. Il est — dans sa dépense. *Mahalala ny antoniny* amin' izay laniny isan'andro izy. Il a une table —. *Antonintoniny, tsotra* ny fihinany.

MODESTEMENT, *adv.* Amim-pahamaotonana, amim-panetren-tena, amim-pahatsorana.

MODESTIE, *sf.* 1° Fahamaotonana, fanetren-tena, fahalalana ny antoniny, fahatsorana. Il reçoit les éloges avec —. Mampiseho *fanetren-tena* izy, raha deraina. 2°—, Fahadiovam-po. Ces paroles blessent la —. Manohitra ny *fahadiovam-po* izany teny izany.

MODICITÉ, *sf.* Hakely, hakelezana. La — de sa fortune. Ny *hakelin'* ny hareny. J'ai été tenté par la — du prix. Voatarika hividy izany aho noho ny *hakelezan'* ny vidiny.

MODIFICATIF, IVE, *adj.* Manova.

—, *sm.* Teny manova ny hevitry ny teny iarahany. Les adverbes sont des modificatifs. Ny adverba dia *teny manova ny hevitry ny teny iarahany.*

MODIFICATION, *sf.* Fanovana, fiovana. Le traité subit des modifications. Nisy zavatra sasany *novana, niova* tamy ny fanekem-pihavanana.

MODIFIER, *va.* Manova. — une amende. *Manova* sazy. — une loi. *Manova* lalána.

Se modifier, *vpr.* Miova. Leur opinion s'est beaucoup modifiée. *Niova* dia niova ny hevitr'izy ireo.

MODIQUE, *adj.* Kely.

MODIQUEMENT, *adv.* Kely. Il est— rétribué. *Kely* ny karamany.

MODISTE, *sf.* Vehivavy mpanao na mpivarotra fibaingoana lamody.

MODULATION, *sf.* Fifanaraham-peo.

MODULER, *vn.* et *va.* Mampifanarapeo.

MOELLE, *sf.* 1° Tsoka. —épinière. *Tsokan'* ny hazon-damosina. 2°—, Votoaty, fo. —de figuier. *Votoatin'* aviavy. — de zozoro. *Fon*-jozoro. 3° *fig.* Votoaty, fototra. En lisant un livre, il faut en extraire la —. Raha mamaky boky, dia tokony hoharofana hatramy ny *votoatiny, fotony.*

MOELLEUX, EUSE, *adj.* Malemy volo, malefaka. Drap—. Lopótra *malemy volo.* Voix moelleuse. Feo *malefaka.*

MOELLON, *sm.* Akoravato vaventy. Un mur construit en—. Rindrina natao tamy ny *akoravato.*

MOEURS, *sf. pl.* Fitondran-tena, fomba, fanao, sata. Changer de —. Miova *fitondran-tena, fomba.* C'est un homme de mauvaises—, c'est un homme sans —. Olona ratsy *fitondran-tena* izy. Chaque nation a ses—. Isam-pirenena samy manana ny *fombany, fanaony.* Les— du pays. Ny *fomban*-tany, ny *satan*-tany. Autres temps, autres—. Miova taona, miova *sata.* Les — des animaux. Ny *fomban'*ny biby.

MOI, *pron. pers.* Izaho, aho, ahy, ko, o. Qui veut aller avec lui?—. Iza no te-hiaraka aminy? *Izaho.* Nous irons à la campagne lui et—. Samy ho any an-tsaha *izaho* sy izy, izahay roa lahy. Dites— la vérité. Ilazao ny marina *aho.* Selon— vous avez raison. Raha tahaka *ahy*, marina ny anao. Cela est à —. *Ahy* izany. Cela vient de—. Avy ami*ko* izany. C'est l'opinion de mon frère et de — que je vous exprime. Hevitro sy hevitry ny rahalahiko, hevitray mirahalahy izao lazaiko anao izao.

—, *sm.* Fizahozaho. Le — est haïssable. Mahadikidiky ny *fizahozaho.*

À moi, *excl.* Avia haingana. À —, soldats! *Avia haingana,* ry miaramila!

MOIGNON, *sm.* Foto-tánana sisa, fototsandry sisa, foto-pe. Il a la main coupée, il ne lui reste qu'un —. Tapa-tánana izy, ka ny *fotony* hiany *sisa.*

MOINDRE, *adj.* Kelikely kokoa, latsadatsaka kokoa, ambanimbany kokoa.

Cette colonne est — que l'autre en grosseur. *Kelikely kokoa, latsadatsaka kokoa* noho itsy ny haben' ity andry ity. La distance est — que vous ne dites. *Latsadatsaka kokoa* noho izay lazainao ny halavirany. Voici une étoffe de — prix. Intý lamba *latsadatsa*-bidy *kokoa, ambanimbany* vidy *kokoa.*

Le moindre, Kely indrindra, kely foana, na dia kely aza. Il est le — d'entre eux. Izy no *kely indrindra* amin' izy ireo. Au — bruit il s'éveille. Raha misy tabataba *kely foana* dia mifoha izy. Je n'ai pas le — souvenir de ce que vous dites. Tsy tsaroako izay lazainao *na dia kely aza.*

MOINE, *sm.* 1° Relijiozy. 2° *fig.* L'habit ne fait pas le —. Tsy azo tsaraina araka ny ivelany ny toetr' olona.

MOINEAU, *sm.* Voron-kely hoatra ny fody.

MOINS, *adv.* Kelikely kokóa, latsadatsaka kokóa, latsaka noho, tsy ampy. Cette chambre est — grande que l'autre. *Kelikely kokóa, latsadatsaka kokoa* noho itsy ny haben' ity efi-trano ity. Nous n'étions pas — de cent personnes. Tsy *latsaka noho* ny olona zato izahay, olona zato no fara fahakelinay. Je n'en donnerai ni plus ni —. Tsy hanome mihoatra na *latsaka noho* izany aho. Il a — de vingt ans. *Latsaka noho* ny roapolo taona, *tsy ampy* roapolo taona izy. ‖ *loc.* — on travaille, — on gagne. Raha mihakely ny asa, mihakely ny azo. Soyez — en colère. Aza tezitra mafy toy izany hianao. C'est — que rien. Tsinontsinona izany. Il n'est rien — que sage. Tsy hendry velively izy. Il n'y a rien de — vrai que cette nouvelle. Tsy marina akory izany zava-baovao izany.

—, *sm.* Ny zavatra kely indrindra, ny kely. Le — que vous puissiez faire, c'est d'aller le visiter. *Ny zavatra kely indrindra* tsy maintsy hataonao dia ny mamangy azy. Qui peut le plus, peut le —. Izay mahavita ny be, mahavita *ny kely.* Voy. Plus.

À moins de, *loc. prép.* Raha tsy, afatsy raha.

À moins que, *loc. conj.* Raha tsy, afatsy raha. Il ne le fera pas, à — que vous ne lui parliez. Tsy hanao izany izy *raha tsy, afa-tsy raha* miteny aminy hianao.

Au moins, du moins, *loc. conj.* 1° Kanefa, nefa. S'il n'est pas fort riche, au — il a de quoi vivre. Tsy manan-karena loatra izy, *kanefa, nefa* manan-kivelomana. 2° —, Tandremo. Au — ne manquez pas de venir. *Tandremo* sao tsy tonga áry hianao.

Au moins, pour le moins, *loc. adv.* Fara fahakely, fara fahela, ahay. Écrivez-moi au — une fois par mois. Mampitondrá taratasy aty amiko, ka ataovy indray mandeha isam-bolana no *fara fahakeliny, fara fahelany.* Donnez-moi au — un peu de pain. Omeo mofo kely *ahay* aho.

En moins de, dans moins de, *loc. prép.* Latsaka. J'aurai achevé en — d'un an. Raha afaka herintaona *latsaka* dia ho vitako.

En moins de rien, *loc. adv.* Vetivety foana, tsy ampy toy inona, poatoizay.

MOIRE, *sf.* Firendrirendry, firahondrahona, lamba mirendrirendry mirahondrahona. —de soie. Parasily *mirendrirendry,* etc.

MOIRÉ, ÉE, *adj.* Mirendrirendry, mirahondrahona. Ruban —. Ribá *mirendrirendry,* etc.

MOIRER, *va.* Mampirendrirendry, mampirahondrahona.

MOIS, *sm* 1° Volana. Il gagne trois piastres par—. Mahazo ariary telo *isambolana* izy. Il y a un—et demi qu'il est parti. Iray *volana* sy tapany no nialany. 2°—, Karama amy ny iray volana. Payez-moi mon—. Aloavy ny *karamako tamy ny iray volana.*

MOISI, IE, *adj.* Bobongolo, torotorohina, lomorina. Pain—. Mofo *bobongolo,* etc.

—, *sm.* Ny bobongolo, ny torotorohina, ny lomorina.

MOISIR, *va.* Mahabobongolo, mahatorotorohina, mahalomorina. L'humidité moisit le papier. Ny mando *mahabobongolo, mahalomorina* ny taratasy.

—, *vn.* Mihabobongolo, mihatorotorohina, mihalomorina. Cette viande commence à —. *Mihabobongolo, mihalomorina* io hena io.

Se moisir, *vpr.* Mihabobongolo, etc.

MOISISSURE, *sf.* Ny bobongolo, ny torotorohina, ny lomorina.

MOISSON, *sf.* 1° Fijinjam-bary, vary. Le temps de la—est proche. Efa antomotra ny taom-*pijinjana.* La— est belle. Vokatra ny *vary.* 2°—, Taom-pijinjana. La — approche. Akaiky ny *taom-pijin*-

jana. 3° *fig.* Vokatra. Il a fait une riche — dans cette bibliothèque. Nahazo *vokatra* lehibe tamin'ireto boky ireto izy.

MOISSONNER, *va.* 1° Mijinja vary. Celui qui sème le vent moissonnera la tempête. Izay mamafy rivotra *hijinja* tafio-drivotra. 2° *fig.* Mandringana, mandripaka, mandany ritra. La mort moissonne tout. Ny fahafatesana *mandringana,* etc., ny zavatra rehetra. ‖ *loc.* — des lauriers. Mandresy, ambinina.

MOISSONNEUR, EUSE, *s.* Mpijinja.

MOITE, *adj.* Mandomando, malamalana. Il a la main—. *Mandomando* ny tánany. Ces draps ne sont pas bien secs, ils sont encore moites. Tsy maina loatra ireto lambam-pandriana ireto, fa mbola *mandomando,* etc.

MOITEUR, *sf.* Hamandomando, hamalamalana.

MOITIÉ, *sf.* 1° Antsasaka, sasaka, fisasahana, antenatena. Il a mangé la — de son bien. Nandany ny *antsasaky* ny fananany izy. Donnez-moi la — d'un pain. Omeo ny *antsasaky* ny mofo anankiray aho. Il a acheté trop cher de —. Nividy avo *sasaka* izy. Il a acheté à — prix. Nividy very *sasaka* izy. Faites bouillir l'eau jusqu'à ce qu'elle soit réduite à la —. Ampangotrahy ho very *sasaka* ny rano. Ils sont de —. Manao *isasahana* izy ireo. Donner une terre à —. Mampanao tany *isasahana.* Il est resté à — chemin. Nijanona tany am-*pisasahan*-dálana, *antenatena* lálana izy. 2°—, Vady (vavy).

—, *adv.* Antsasaka. C'est une étoffe — soie, — laine. Lasoa ny *antsasak'* io lamba io, ary volon' ondry ny *antsasany.*

À moitié, *loc. adv.* Sasaka, mantsasaka, misasaka, mitapaka. Cela est à — pourri. Lo *sasaka* izany. Fruit à — gâté. Voankazo *mantsasaka.* La bouteille est à — pleine. *Misasaka, mitapaka* ny tavoahangy. A — fou. *Manasatsasaka,* ondranondranana. ‖ *loc.* A — ivre. Varivary. Écriture à — effacée. Soratra matimaty. Voy. DEMI.

MOL, MOLLE, *adj.* Voy. MOU.

MOLAIRE, *adj.* et *sf.* Vazana. Les dents molaires. Ny *vazana.*

MÔLE, *sm.* Fefiloha vato mamefy ny vava seranana.

MOLÉCULAIRE, *adj.* Momba ny sombin-javatra madinika indrindra.

MOLÉCULE, *sf.* Sombin-javatra madinika indrindra. Les molécules du sang. Ny *sombin*-dra *madinika indrindra.*

MOLESTER, *va.* Manahirana, manorisory, manasosotra. Il les a fort molestés par ses propos. *Nanahirana,* etc., azy ireo fatratra tamy ny resaka nataony izy.

MOLETTE, *sf.* Tendron-jeperona.

MOLLASSE, *adj.* Malemilemy, bodaboda, mihonankonana. Chair —. Nofo *malemilemy,* etc. Étoffe —. Lamba *malemilemy.*

MOLLEMENT, *adv.* 1° Amin-kalemena, mivaroraka. Il est couché —. Mibafoka amy ny fandriana *malemy* izy. Être assis —. Mipetraka *mivaroraka.* 2° *fig.* Amim-pahosana, mitsimozimozy, mitsilamodamoka, miborerarera. Il travaille —. *Osa, mitsimozimozy, mitsilamodamoka, miborerarera* izy, raha miasa. 3°—, Mikovavy. Il vit —. *Mikovavivavy* toetra izy. 4° —, Morainy loatra, rainazy.

MOLLESSE, *sf.* 1° Halemy, haboda, fihonankonana, fahosana. La — des chairs. Ny *halemy, haboda, fihonankonan'* ny nofo. La — de sa complexion. Ny *halemin'* ny vatany. 2° *fig.* Fahosana, fitsimozimozy, fitsilamodamoka, fiborerarera. Il agit avec—. *Osa, mitsimozimozy, mitsilamodamoka, miborerarera* izy, raha manao zavatra. 3° —, Fikovavy. Il vit dans la—. *Mikovavivavy* toetra izy. 4°—, Hamorana tsy amy ny antony, harainazy. La — d'un père perd ses enfants. Ny *hamoran*-drainy *tsy amy ny antony, ny harainazin'* ny rainy manimba ny zanany.

MOLLET, *sm.* Kibon-dranjo.

MOLLET, ETTE, *adj.* Malemilemy. Coussin—. Ondana *malemilemy.*

MOLLETON, *sm.* Lamba filanelina, bodofotsy.

MOLLIR, *vn.* 1° Mihamalemy, mihaboda. Les pommes mollissent. *Mihamalemy,* etc., ny poma. 2° *fig.* Mihena, mihaosa. Le vent mollit. *Mihena* ny rivotra. Son courage mollit. *Mihena* ny herim-pony. Les troupes mollissent. *Mihaosa* ny miaramila.

MOMENT, *sm.* Tapak'andro kely, vanin' andro, kelikely, vetivety foana, poatoizay, tsy ampy toy inona, fotoana, andro. Je n'ai pas un — de relâche. Tsy mahita *tapak'andro kely, vanin' andro* hijanonana aho. Il n'a plus qu'un — à

vivre. Tsy misy afa-tsy *tapak' andro kely* foana sisa hiainany. Attendez un—, un—. Andraso *kelikely*, aoka aloha. Je reviens dans un —. Raha afaka *kelikely, vetivety foana, poatoizay, tsy ampy toy inona* dia hiverina aho. Ce n'est pas encore le—de manger. Tsy mbola *fotoam*-pihinanana izao. Choisissez le—favorable. Mahaiza mikendry *fotoana*. J'ai passé d'heureux moments auprès de lui. Finaritra aho nandritra ny *andro* niarahako nitoetra taminy. Il a de bons moments. Adala manao an'*androny* izy, mampoelana ny hadalany. Il est ordinairement colère,mais il a de bons moments. Tezitra saika mandrakariva izy, nefa manao an' *androny* hiany indraindray. ‖ *loc*. Vous êtes arrivé dans un mauvais —. Tsy nahay avy hianao. Par moments. Indraindray. Il est fou par moments. Adala izy *indraindray*. Dans le même —. Tamin' izay. À quel —? Amin'inona, rahoviana, oviana ? A quel — viendrez-vous? *Amin'inona, rahoviana* hianao no ho avy ? A quel — est-il arrivé ? *Tamin' inona, oviana* no nahatongavany ?

Au moment de, *loc. prép*. Nony efa ho. Au — de partir, je m'aperçus que j'oubliais mon manteau. *Nony efa* hiainga aho, dia hitako fa hadinoko ny kapaotiko.

Au moment où, au moment que, *loc. conj*. Amin'izay tapak'andro, rahefa, amy ny. Au— où il arrivera, j'irai le voir. *Amin' izay tapak' andro* hahatongavany no hamangiako azy, *rahefa* tonga izy, hamangy azy aho. J' arrivai au— où il sortait. *Tamy ny* izy nivoaka, *tamy ny* nivoahany no tonga aho.

Du moment que, *loc. conj*. Nony, raha. Du — que je l'ai aperçu, je l'ai salué. *Nony* vao nahita azy aho, dia noarahabaiko izy. Du— que votre père y consent, je n'ai plus rien à dire. *Raha* manaiky rainao, dia tsy misy holazaina intsony.

En ce monent, *loc. adv*. Ankehitriny, izao. Je suis trop occupé en ce —. Be raharaha loatra aho *ankehitriny, izao*.

À tout moment, *loc. adv*. Mandrakariva.

MOMENTANÉ, ÉE, *adj*. Maharitra kely foana, mihelina, vetivety. Plaisir —. Fifaliana *maharitra kely foana*, etc.

MOMENTANÉMENT, *adv*. Kelikely foana, vetivety foana. Je suis ici—. Hijanona aty *kelikely foana*, etc., aho.

MOMERIE, *sf*. Fihatsarambelatsihy.

MOMIE, *sf*. 1° Faty maina voatahiry tsy ho lo tany Ejipta. 2° *fig*. Olona mitsikamokamo, — maimaina.

MON, *adj. poss. m.* **MA,** *f.* **MES,** *pl.* Ko, o. Mon frère. Ny rahalahi*ko*. Ma mère. Ny reni*ko*. Mes livres. Ny boki*ko*.

MONACAL, ALE, *adj*. Momba ny relijiozy, any ny relijiozy.

MONARCHIE, *sf*. Fanjakana misy mpanjaka.

MONARCHIQUE, *adj*. Misy mpanjaka, momba ny fanjakana misy mpanjaka. Gouvernement—. Fanjakana *misy mpanjaka*.

MONARQUE, *sm*. Mpanjaka, andriana, andriamanjaka.

MONASTÈRE, *sm*. Monastera, tranondrelijiozy.

MONASTIQUE,*adj*. Momba ny relijiozy. Vie—. Toe-piainan-*drelijiozy*.

MONCEAU, *sm*. Antontany.— de pierres. *Antontam*-bato. Mettre en un—. Manao *antontany*, mampifanongoa, manavosa, manavovona.

MONDAIN, AINE, *adj*. Tia ny zavapoanan' izao tontolo izao, araka ny fomban' izao tontolo izao, momba izao fiainana izao. C'est une femme mondaine. Vehivavy *tia ny zava-poanan'izao tontolo izao, manaraka ny fomban' izao tontolo izao* izy. Il mène une vie mondaine. Manao *araka ny fomban' izao tontolo izao* izy. Il aime les honneurs mondains. Tia ny voninahitr' *izao fiainana izao* izy.

MONDAINEMENT, *adv*. Araka ny fomban' izao tontolo izao.

MONDE, *sm*. 1° Izao tontolo izao, tany, izao fiainana izao. Dieu a créé le—. Andriamanitra nahary *izao tontolo izao*. Il a quitté le—. Namoy an' *izao tontolo izao* izy. Les maximes du— sont contraires à celles de l'Évangile. Ny foto-kevitr' *izao tontolo izao* mifanohitra amy ny any ny Evanjely. Il a fait un voyage autour du —. Nandeha nanodidina ny *tany* izy. Les joies de ce—. Ny fifalian' *izao tontolo izao*, etc. L'autre—. Ny an-koatr' *izao fiainana izao*. 2°—, Olombelona, olona, mpanompo, mpiasa, miaramila,etc. Jésus-Christ a sauvé le—. Namonjy ny *olombelona* Jeso-Kristy. Il ne voit qu'un certain —. Tsy mahita afa-tsy *olona* sasany izy. Il est connu de tout le —. Fantatry ny *olona* rehetra

izy. Il a invité du —. Nanasa *olona* izy. Le grand —. Ny *olona* ambony toetra. Il a l'expérience du —. Mahalala toetr' *olona* izy. Le capitaine n'avait que la moitié de son —. Tsy nisy afa-tsy ny antsasaky ny *miaramila* tao amy ny kapiteny. ‖ *loc.* L'an du — deux mille. Roa arivo taona taorian' ny naharian' Andriamanitra izao tontolo izao. Il est allé loger au bout du —. Lasa nitoetra lavitra izy. Le nouveau —. Ny Amerika. Mettre au —. Miteraka. Venir au —. Teraka. Depuis qu' il a cessé d'être au —. Hatramy ny nahafatesany. Le — chrétien. Ny kristiana rehetra. Paris est un —. Tanána be olona Parisy. Il dit des choses de l'autre —. Milaza anganon-javatra izy. Je donnerais tout au — pour l'avoir. Afoiko avokoa ny zavatra rehetra hananako azy. Nous sommes le mieux du — ensemble. Mifanaraka tsara dia tsara izahay. C'est le meilleur homme du —. Izy no olom-banona tokoa.

MONDER, *va.* Manamaivoka.

MONÉTAIRE, *adj.* Momba ny vola. Lois monétaires. Lalána *momba ny vola.*

MONITEUR, *sm.* Mpananatra, mpanoro hevitra.

MONNAIE, *sf.* 1° Vola, farantsa. Battre —. Manonta *vola.* — d'or. *Farantsa* volamena. — d'argent. *Farantsa* volafotsy. — de cuivre. *Farantsa* varahina. 2° —, Vola madinika, vakivakim-bola. Je n'ai pas un sou de —. Tsy manana *vola madinika,* etc., aho na dia variñtoventy aza.

MONNAYAGE, *sm.* Fanaovam-bola, fanontam-bola.

MONNAYER, *va.* Manao vola, manonta vola.

MONNAYEUR, *sm.* Mpanao vola, mpanonta vola. Faux —. *Mpanao vola* ratsy.

MONOGRAMME, *sm.* Fanafohezana anarana. Voy. CHIFFRE.

MONOLITHE, *adj.* et *sm.* Natao tamy ny vato iray hiany. Statue —. Sariolona *natao tamy ny vato iray hiany.*

MONOLOGUE, *sm.* Fitenenana irery amy ny teatra.

MONOMANE, *adj.* et *s.* Very saina amy ny zavatra iray loha.

MONOMANIE, *sf.* Haverezan-tsaina amy ny zavatra iray loha.

MONOPOLE, *sm.* Fanaovana varotra an-trano tokana. Les monopoles nuisent au commerce. Manimba ny fivarotana ny *fanaovana varotra an-trano tokana.* Le gouvernement s'est reservé le — du tabac. Ny fanjakana naka ho azy ny *fivarotam*-paraky.

MONOPOLISER, *va.* Manao varotra an-trano tokana.

MONOSYLLABE, *sm.* Teny misy vakiteny tokana.

MONOSYLLABIQUE, *adj.* Misy vakiteny tokana.

MONOTONE, *adj.* 1° Ridralava, tsy misy fiovana. Chant —. Hira *ridralava,* etc. 2° *fig.* Style —. Laha-teny *ridralava,* etc.

MONOTONIE, *sf.* Tsy fiovana.

MONSEIGNEUR, *sm.* Monsenera.

MONSIEUR, *sm.* 1° Mosé, tompokolahy, tompoko, andriamatoa. Oui, —. Eny, *mosé,* etc. Appelez ce —. Antsoy kely *andriamatoa* iry. — est servi. Manasa *tompoko* é. 2° —, Lehilahy. Un — vous demande. Misy *lehilahy* mitady anao. Il est devenu gros —. Tonga *lehilahy* mikahankahana izy.

MONSTRE, *sm.* 1° Sampona. 2° *fig.* Olona ratsy tarehy izaitsizy. 3° —, Olona masia-belona, — lozan'olona. C'est un — de cruauté. *Olona masia-belona,* etc., izy.

MONSTRUEUSEMENT, *adv.* Izaitsizy.

MONSTRUEUX, EUSE, *adj.* 1° Sampona. Un enfant —. Zaza *sampona.* 2° *fig.* Makadiry, lozan-tany, ratsy izaitsizy, izaitsizy. Poisson —. Hazandrano *makadiry.* Crime —. Heloka *lozan-tany.* Son action est une chose monstrueuse. *Ratsy izaitsizy* ny nataony. Elle est d'une laideur monstrueuse. Ratsy tarehy *izaitsizy* izy.

MONSTRUOSITÉ, *sf.* Lozan-javatra.

MONT, *sm.* Tendrombohitra. Le — Liban. Ny *tendrombohitra* Libana. ‖ *loc.* Aller par monts et par vaux. Mivezivezy, mankatsý mankarý. Promettre monts et merveilles. Mampanantena be.

MONTAGE, *sm.* 1° Fampakarana zavatra. Combien coûte le — du bois. Hoatrinona ny lany *nampakarana* ny kitay hazo. 2° —, Fananganana, fanamboarana.

MONTAGNARD, ARDE, *adj.* 1° Monina amy ny tendrombohitra. Les populations montagnardes. Ny vahoaka *monina amy ny tendrombohitra.* 2° —, Any ny mponina an-tendrombohitra.

Chant—. Hiran'*ny mponina an-tendrombohitra.*

—, *s.* Mponina an-tendrombohitra.

MONTAGNE, *sf.* Tendrombohitra. Une chaîne de montagnes. Tandavan-*tendrombohitra.* || *loc.* — de glace. Ranomandry mitambatra makadiry eny amy ny ranomasina.

MONTAGNEUX, EUSE, *adj.* Be tendrombohitra. Pays—. Tany *be tendrombohitra.*

MONTANT, *sm.* 1° Tolána. Les montants d'une croisée. Ny *tolàm*-baravaran-kely. 2°—, Tontaly. Le—de la dépense. Ny *tontalin'* ny lany.

MONTANT, ANTE, *adj.* Miakatra, misondrotra. Chemin—. Lálana *miakatra.* La marée montante. Ny ranomasina *misondrotra.*

MONT-DE-PIÉTÉ, *sm.* Trano fampanjanaham-bola ametrahan-javatra.

MONTÉ, ÉE, *adj.* Áry fanaka, áry fomba, áry fady. Maison bien montée. Trano *áry fanaka,* etc. Voy. FOURNI. || *loc.* Être bien—. Mitaingin-tsoavaly tsara. Être — sur un ton plaisant. Milaza hatsikana, milaza angano.

MONTÉE, *sf.* Fiakarana. La— est douce. Malefaka ny *fiakarana.*

MONTER, *va.* 1° Miakatra, mitaingina. — les degrés. *Miakatra* ny tohatra. Il monte un cheval blanc. *Mitaingina* soavaly fotsy izy. 2°—, Mampakatra. — des meubles dans une chambre. *Mampakatra* fanaka ho ao amy ny efi-trano. 3°—, Manangana, manamboatra, mamahana. — un lit. *Manangana, manamboatra* farafara. — une montre. *Mamahana* famantaranandro. 4°—, Manisy fanaka, — fomba, — tady, mamonona. — une maison. *Manisy fanaka* ny trano. — une imprimerie. *Manisy fomba* amy ny trano printy anankiray. — un violon. *Manisy tady* ny lokangam-bazaha. — une personne en linge. *Mamonona* fitafiana ho an'olona anankiray. Voy. FOURNIR. || *loc.* — la garde. Miambina. On lui a monté la tête. Nisy olona nampisondro-po, nampikiribiby azy.

—, *vn.* 1° Miakatra, mananika, mianika, miondrana. — à une échelle. *Miakatra, mananika, mianika* ny tohatra. — à cheval. *Miakatra* ho eny ambony soavaly. — sur un arbre. *Mananika, mianika* hazo. — à l'assaut. *Manani*-bohitra. — sur un vaisseau. *Miondrana* antsambo. 2°—, Misondrotra, tonga, mampanelonelo. Le brouillard monte. *Misondrotra* ny zavona. Le rivière monte. *Misondrotra* ny renirano. Le riz est monté jusqu'à une piastre la mesure. *Nisondrotra* ho ariary ny fahenim-bary. Les dépenses montent à cent francs. *Tonga* ariary roapolo ny lany. Ce vin monte à la tête. *Mampanelonelo* ny andoha izany divay izany. 3° —, Mikisolosolo, misolampilampy. Le jardin monte. *Mikisolosolo,* etc., ny zarday. 4° *fig.* Misondrotra, mitombo. Il est monté en grade. *Nisondro*-boninahitra izy. Il est monté au faîte des honneurs. *Nisondrotra* any an-tampon'ny voninahitra izy. Les prières du juste montent au ciel. *Misondrotra* any amin' Andriamanitra ny fivavahan' ny olo-marina. Il monta sur ses grands chevaux. *Nisondrotra* ny fony. Sa dépravation monta au comble. *Nitombo* nihoa-pampana ny haratsiam-panahiny.

Se monter, *vpr.* 1° Misondrotra, tonga. La dépense se monte à vingt francs. *Tonga* ariary efatra ny lany. 2° —, Mamonona. Je me monte en livres. *Mamonom*-boky ho ahy aho. 3° *fig.* Tezitra, misondro-po. Il se monte aisément. Mora *tezitra, misondro-po* izy.

MONTICULE, *sm.* Havoana, tanety, vohon-tany, bongon-tany, kiborin-tany, kiborim-pasika.

MONTRE, *sf.* 1° Famantaranandro fanao am-paosy. 2°—, Santininy, varotra asoho. Tout cela n'est pendu là que pour la —. *Fampisehoam-barotra* fotsiny ireo mihantona ao ireo. 3° *fig.* Fampisehoana, firehareha. Il fait — de son esprit. *Mampiseho* ny halalinan-tsainy, *mirehareha* amy ny halalinan-tsainy izy.

MONTRER, *va.* 1° Maneho, mampiseho, mamosaka, mampiposaka, manoro, manondro. Montrez-moi ce que vous avez écrit. *Asehoy, aposahy* ahy izay nosoratanao. Il m'a montré sa maison. Efa *natorony* ahy ny tranony. Montrez-lui le chemin. *Atoroy* azy ny lálana, *toroy* lálana izy. — quelque chose du doigt. *Manondro* zavatra. 2° *fig.* Mampiseho, manoro, mampianatra. Il montre de la sagesse. *Mampiseho* fahendrena izy. Je lui montrerai qu'il a tort. *Hasehoko, hatoroko* azy ny hadisoany. — le latin. *Manoro, mampianatra*-teny latina.

Se montrer, *vpr.* 1° Miseho, miposaka. Le soleil ne s'est point montré d'aujourd'hui. Tsy *niseho,* etc., ny masoan-

dro androany. Depuis la sottise qu'il a faite, il n'oserait se —. Tsy sahy *miseho*,etc., intsony izy hatramy ny nanaovany izany hadalana izany. 2° *fig*. Miseho, mampiseho herim-po. Il s'est montré homme de courage. *Niseho* ho lehilahy mahery fo izy. Il se montre tel qu'il est. *Miseho* araka ny tena toetrany izy. Voici le moment de se —. Izao no fotoana tokony *hampisehoana herim-po*. Il s'est mal montré dans cette circonstance. Tsy *nampiseho herim-po* velively akory izy tamin'izay.

MONTUEUX, EUSE, *adj*. Be tendrombohitra, be havoana, mikitoantoana. Pays —. Tany *be tendrombohitra*, etc.

MONTURE, *sf*. 1° Biby fitaingina. Le cheval est la meilleure de toutes les montures. Ny soavaly no *biby* tsara *fitaingina* indrindra. 2°—, Hazo, fanenjanana, tanjany. La — d'un fusil. Ny *hazom*-basy La — d'une scie. Ny *fanenjanan*-tsofa. La — d'un éventail. Ny *tanjaky* ny fikopaka. 3° —, Fanamboarana. La — de cette tabatière est délicate. Kanto ny *nanamboarana* ity tabatera ity.

MONUMENT, *sm*. 1° Tsangam-bato. Ériger un — à la gloire d'un grand homme. Manangana *tsangam-bato* ho voninahitr' olo-malaza anankiray. 2°—, Trano kanto. Cette cathédrale est un —. *Kanto* io trano leglizy katedraly io. 3°—, Fasana. Elle a fait élever un magnifique — à son époux. Nampanao *fasana* tsara dia tsara ho any ny vadiny izy. 4° —, Boky na taozavatra tsara dia tsara.

MONUMENTAL, ALE, *adj*. Sady kanto no lehibe, tsara dia tsara. Statue monumentale —. Sariolana *sady kanto no lehibe*, etc.

MOQUER (SE), *vpr*. 1° Mamazivazy, mamosobosotra, mananihany, mihomehy. On s'est moqué de lui. *Novazivazina, novosobosorina, nohanihanina, nihomehezana* izy. On s'est moqué de son habit. *Nihomehezana* ny akanjony. 2°—, Manao ho tsinontsinona, tsy manisy raharaha. Il se moque des avis qu'on lui donne. *Manao ho tsinontsinona*, etc., ny anatra omena azy izy. 3°—, Manao kivazivazy. C'est se — que de soutenir un pareil fait. *Manao kivazivazy* izay milaza izany ho marina.

MOQUERIE, *sf*. 1° Famazivaziana, vosotra dia zary tenany, fananihaniana, fihomehimehezana. La — est une injure. Ny *famazivaziana*, etc., dia fanevatevana mihitsy. 2°—, Zavatra tsy misy heviny. Sa demande est une —. *Tsy misy heviny* ny fangatahany.

MOQUEUR, EUSE, *adj*. et *s*. Mamazivazy, mamosobosotra, mananihany, mihomehy.

MORAL, ALE, *adj*. 1° Momba ny fitondran-tena. Théologie morale. Teolojia *momba ny fitondran-tena*. 2°—, Misy fampianarana tsara momba ny fitondran-tena. Son discours est très—. Ny laha-teniny *misy fampianarana tsara* dia tsara *momba ny fitondran-tena*. 3°—, Tsara fitondran-tena, tsara fanahy. Personne morale. Olona *tsara fitondran-tena*, etc. 4°—, Heverina ao antsaina fotsiny, ao an-tsaina, momba ny fanahy, momba ny fo. Le monde —. Ny zavatra *heverina ao an-tsaina fotsiny*. Il y a des démonstrations morales aussi convaincantes que les démonstrations physiques. Misy porofo *ao antsaina* mampahafantatra marina tahaka ny porofo hita maso. Ses qualités morales. Ny toe-*panahiny*. Ses forces morales. Ny herim-*pony*.

—, *sm*. Saina, toe-tsaina, fanahy, toe-panahy, fo. Son — est affecté. Be ahiahy ny *sainy*. Il est mieux partagé au physique qu'au —. Nambinina tsaratsara kokoa tamy ny vatana noho ny tamy ny *saina*, etc., izy.

MORALE, *sf*. 1° Fampianarana momba ny fitondran-tena, fitsipi-pitondrantena. La — de Jésus-Christ est parfaite. Lavorary ny *fampianarana momba ny fitondran-tena*, etc., natorony Jeso-Kristy. 2°—, Anatra, fananarana. Il a fait une— à son fils. *Nananatra* ny zanany izy. La — de la fable. Ny *anatra*, etc., avy amy ny fanoharana.

MORALEMENT, *adv*. 1° Araka ny fitsipi-pitondran-tena tsara. Cette action est — mauvaise. Ratsy izany raha *araka ny fitsipi-pitondran-tena tsara*. 2°—, Araka ny heverina ao an-tsaina. Cela est — impossible. Tsy azo heverina ho marina izany *araka ny heverina ao an-tsaina*.

MORALISATEUR, TRICE, *s*. et *adj*. Mampahendry, mahatsara. Œuvre moralisatrice. Raharaha *mampahendry*, etc.

MORALISATION, *sf*. Fampahendrena.

MORALISER, *vn*. Manao fananarana. Il déplait à force de—. Mahasosotra izy, satria *manao fananarana* be loatra.

—, *va.* 1° Mampahendry, mahatsara.— un peuple. *Mampahendry*, etc., vahoaka. 2°—, Mananatra. — un élève. *Mananatra* mpianatra.

Se moraliser, *vpr.* Mihahendry, mihatsara fitondran-tena.

MORALISEUR, *sm.* Mpanao fananarana lava.

MORALISTE, *sm.* Mpampianatra ny momba ny fitondran-tena, mpanoro ny fitsipi-pitondran-tena.

MORALITÉ, *sf.* 1° Anatra, fananarana. Cet ouvrage est rempli de moralités instructives. Izany boky izany misy *anatra*, etc., maro mahasoa. Il y a une belle— cachée sous cette fable. Misy *anatra*, etc., tsara miafina amin' izany fanoharana izany. 2° —. Fitondran-tena, hatsarana na haratsian' ny zavatra atao. Il est d'une — irréprochable. Tsy azo tsinina ny *fitondran-tenany*. La — d'une action suppose la liberté. Ny safidy no iankinan' ny *hatsarana na ny haratsian' ny zavatra atao*, tsy azo atao hoe *tsara na ratsy ny zavatra atao* raha tsy misy safidy.

MORBIDE, *adj.* Momba ny aretina.

MORBIFIQUE, *adj.* Mankarary. Miasmes morbifiques. Fofon-dratsy *mankarary*.

MORCEAU, *sm.* 1° Tapaka, potika, sombina, vaky. Un—d'étoffe. *Tapa*-damba. Un — de viande. *Poti*-kena, *sombin*-kena. Un — de pain. *Tana*-mofo, *sombi*-mofo. Un — de verre. *Vakim*-pitaratra. Mettre en morceaux. *Manapatapaka, mamotipotika, mamakivaky.* Il n'a qu'un—de terre. Tsy manana afatsy *sombin*-tany kely foana izy. Il a traduit quelques morceaux de cet ouvrage. Nandika *sombiny* sasany tamin' izany boky izany izy. 2°—, Didy, tetika, sombin-kanina, hanina, anjara. Vous faites les morceaux trop gros. Ataonao vaventy *didy, tetika* loatra izany. Mâcher un —. Mitsako *sombin-kanina*. Voilà un bon—. Inty misy *sombin-kanina, hanina* tsara. Il aime les bons morceaux. Tia *hanim*-py izy. Il a obtenu un bon — de l'héritage. Nahazo *anjara* lova tsara izy. 3°—, Zavatra. Ce palais est un beau—. *Zavatra* tsara izany lapa izany. Ce discours est un— achevé. *Zavatra* lavorary izany laha-teny izany.

MORCELER, *va.* Mamotipotika, mizarazara. — un héritage. *Mamotipotika*, etc., lova.

MORCELLEMENT, *sm.* Famotipotehana, fizarazarana.

MORDACITÉ, *sf.* 1° Fanaikitra. La — d'un acide. Ny *fanaikitry* ny asidra. 2° *fig.* Teny mamelively, — mamoapoaka, — manindrona. Dans cet écrit, il y a une — révoltante. Misy *teny mamelively*, etc., mafy loatra amin' izany taratasy izany.

MORDANT, *sm.* 1° Varinesy andraiketana ny ela-bolamena. 2° —, Zavatra fampandairana ny loko amy ny lamba, zavatra fanezana. heza. 3° *fig.* Il a du— dans l'esprit. Mahay teny manindrona izy.

MORDANT, ANTE, *adj.* 1° Manaikitra. Acide—. Asidra *manaikitra*. 2° *fig.* Mamelively, mamoapoaka, manindrona. Esprit—. Olona *mamelively, mamoapoaka*. Style—. Laha-teny *mamelively*, etc.

MORDICUS, *adv.* Amim-pikiribibiana. Soutenir une chose—. *Mikiribiby* manamarina ny heviny.

MORDILLER, *va.* Manaikitraikitra. Cet enfant mordille tout ce qu'il a dans les mains. *Manaikitraikitra* ny zavatra rehetra izay ao an-tánany io zaza kely io.

MORDRE, *va.* 1° Manaikitra Le chien l'a mordu. *Nanaikitra* azy ny alika. *nokekerin'* ny alika izy. 2°—, Homana. La lime mord le fer. Ny tsofa *homana* ny vy. 3° *fig.* Mamelively, mamoapoaka. — le prochain. *Mamelively*, etc., ny namana.

Se mordre, *vpr.* Manaiki-tena.

MORELLE, *sf.* Anamamy.

MORFIL, *sm.* Ny mivadika amy ny mason' antsy raha asaina.

MORFONDRE, *va.* Mahangoly.

Se morfondre, *vpr.* 1° Ngoly. 2° *fig.* Sasa-poana, sanganehana.

MORGUE, *sf.* Fianjonanjona, fiandranandrana, flavonavona.

MORGUE, *sf.* Trano fametrahana fatin' olona hita.

MORIBOND, ONDE, *adj.* et *s.* Efa hiala aina, efa ho faty, ambavahoana.

MORIGÉNER, *va.* Mananatra.

MORNE, *adj.* Manjorétra, manjonitra. mitan-takolaka. Voy. MÉLANCOLIQUE.

MOROSE, *adj.* Sosotsosotra, malonilony.

MOROSITÉ, *sf.* Hasosotsosorana, halonilony.

MORS, *sm.* Vy sakam-bavan-tsoavaly. ‖ *loc.* Le cheval prit le — aux dents. Nisafoaka tsy azo notanana intsony ny soavaly. On lui a fait un léger reproche, il a pris le — aux dents. Nanarina kely foana izy, ka nisafoaka.

MORSURE, *sf.* Kaikitra. Il lui a fait une profonde —. *Nanaikitra* azy lalina izy. La — d'un chien enragé. Ny *kaikitry* ny alika romotra.

MORT, *sf.* 1° Fahafatesana, famonoana ho faty. Il ne craint pas la —. Tsy matahotra ny *fahafatesana*, ny *ho faty* izy. —subite. *Fahafatesana* tampoka. Il est à l'article de la —, il est au lit de —. *Efa ho faty*, ambavahoana izy. La —éternelle. Ny *fahafatesana* mandrakizay. Mettre à —. *Mamono ho faty.* Donner la —. *Mahafaty.* Recevoir la —. *Maty, vonoin-ko faty.* Il a été blessé à —. Naratra mafy izy, ka tsy maintsy *ho faty.* Il a été condamné à —. Nohelohina *ho faty* izy. Se donner la —. *Mamono* tena. Il a été mis à — sans jugement. *Novonoina* an-trebotrebony izy. Ce coupable a subi la — avec courage. Nampiseho herim-po izany olo-meloka izany tamy ny izy *novonoin-ko faty.* 2° *fig.* Fijaliana mafy, alahelo mafy. La goutte lui fait souffrir mille morts. *Mampijaly* azy *mafy* ny gaotra. La conduite de son fils lui a mis la — dans l'âme. *Mampalahelo* azy *mafy* ny fitondran-tenan' ny zanany. 3°—, Fanimbana. La prodigalité est la — de l'aisance. Ny fandanian-karena foana no *fanimbana* ny fiadanana.

À la mort, *loc. adv.* Izaitsizy. Il me hait à la —. Mankahala ahy *izaitsizy* izy.

À la vie et à la mort, *loc. adv.* Ho mandrakizay. Je suis votre ami à la vie et à la —. Sakaizanao *ho mandrakizay* aho.

MORT, ORTE, *p.* et *adj.* Maty, miala aina, nody mandry, niamboho. Il est—hier. *Maty, niala aina* omaly izy. Il est — depuis longtemps. *Maty, nody mandry* efa ela izy. Il est —de la fièvre. *Matin'* ny tazo izy. Il est—de mort naturelle. *Matin'* aretina izy. Il est—jeune. *Maty* tanora izy, folaka an-dantony izy.— par accident. *Maty* tsy antonintoniny. Il est tombé raide —. *Maty* terý, dangy terý, nitsipaka terý izy. Le vésicatoire n'a pas pris, c'est un homme—. Tsy nahomby ny blistra, ka tsy maintsy *ho faty* izany lehilahy izany. Le roi est —. *Niamboho* ny masina. Langue morte. Fiteny *maty*, tsy tenenina intsony. ‖ *loc.* Enfant —en naissant. Zaza tsy azo raha vao teraka. Il est — au monde. Namoy izao tontolo izao izy. Le commerce est —. Matoritory ny varotra. Il a les yeux morts. Niova ny masony. Il a le teint—. Hatsatra ny tarehiny. Il n'y va pas de main morte. Mamely mafy, mametsapetsaka, manavokavoka izy. Chair morte. Nofo ratsy. Il a été atteint par une balle morte qui lui a fait une contusion. Voan'ny bala mangatsiaka izy ka mangana.

—, *s.* Ny maty. Prier pour les morts. Mivavaka ho any *ny maty.* Faire le—. Mody *maty.* Fête des morts. Fahatsiarovana *ny maty.* Tête de —. Karandohan' ny *maty.*

MORTAISE, *sf.* Lavaka, ambaviny. Faire une — à une poutre. *Mandavaka* sakamandimby, manao *ambaviny* amy ny sakamandimby.

MORTALITÉ, *sf.* 1° Toetr' izay mety ho faty. 2°—, Fatim-balala. La — a été grande dans cette ville. Nanao *fatimbalala* ny mponina tamin'izany tanána izany. 3°—, Isan'ny olona maty isan-taona. Dans cette ville la — est de trois individus sur cent. Telo *isan-taona* amy ny olona zato no *isan' ny olona maty* amin' izany tanána izany.

MORTEL, ELLE, *adj.* 1° Mahafaty. Maladie mortelle. Aretina *mahafaty.* Péché—. Fahotana *mahafaty.* 2°—, Mafy dia mafy, izaitsizy. Douleur mortelle. Alahelo *mafy dia mafy.* Il fait un froid—. *Mafy dia mafy* ny hatsiaka, mangatsiaka *izaitsizy.* C'est mon ennemi—. Mankahala ahy *izaitsizy* izy. 3°—, Mahasosotra, mahadikidiky. J'ai attendu deux mortelles heures. *Nahasosotra, nahadikidiky* ahy ny niandry mandritra ny adim-pamantaranandro roa. 4°—, Manam-pahafatesana, mety ho faty. Nous sommes mortels. *Manam-pahafatesana,* etc., isika.

—, *s.* Olona. Quel infortuné —! *Olona* fadiranovana re izany!

—, *sm. pl.* Olombelona. Les mortels. Ny *olombelona.*

MORTELLEMENT, *adv.* 1° Mahafaty. Il est blessé —. Azon'ny ratra *mahafaty* izy. Pécher —. Manao fahotana *mahafaty.* 2°—, Izaitsizy. Il est—ennuyeux. Mahadikidiky *izaitsizy* izy.

MORTE-SAISON, *sf.* Andro sasantsasany tsy anaovan-draharaha loatra.

MORTIER, *sm.* 1° Feta, rihitra. — à chaux et à sable. *Fetan*-tsokay, *rihi*-tsokay miharo fasika. Faire du — pour crépir. Manao *feta* handalorana. 2°—, Laona. — pour piler le riz. *Laona* fitotoambary. — de pierre. *Laom*-bato. — pour broyer le tabac. *Laom*-paraky. — pour piler le piment. *Laon*-tsakay. — pour piler le sel. *Laona* fitotoan-tsira. 2° —, Tafondro fandefasana bomba.

MORTIFÈRE, *adj.* Mahafaty. Plante —. Zava-maniry *mahafaty*.

MORTIFIANT, ANTE, *adj.* 1° Mampijaly. Pénitence mortifiante. Asa fivalozana *mampijaly*. 2° *fig.* Mampahamenatra, mampangaihay, mampalahelo. Injure mortifiante. Fanevatevana *mampahamenatra*, etc.

MORTIFICATION, *sf.* 1° Fampijaliantena, famolahana. 2° *fig.* Henatra, fangaihay. Il a essuyé une grande—. Nahazo *henatra* lehibe izy.

MORTIFIER, *va.* 1° Mampahalemy. Battre de la viande pour la —. Mikapoka hena mba *hampahalemy* azy. 2° —, Mampijaly, mamolaka. — sa chair. *Mampijaly*, etc., ny nofony. — ses passions. *Mamolaka* ny filan-dratsiny. 3° *fig.* Mampahamenatra, mampangaihay, mampalahelo. Ce refus l'a mortifié. *Nampalahelo* azy izany fandávana izany.

Se mortifier, *vpr.* Mampijaly tena.

MORT-NÉ, ÉE, *adj.* Maty batrany an-kibo.

MORTUAIRE, *adj.* 1° Momba ny maty. Registre—. Rejistry *ny maty*. Extrait— de quelqu'un. Taratasy milaza ny *nahafatesan'* olona nokopina tamy ny rejistry ny maty. 2°—, Momba ny fandevenana, fanao amy ny tranovorona. Droits mortuaires. Vola aloa amy *ny fandevenana*. Drap—. Lamba mainty *fanao amy ny tranovorona*.

MORUE, *sf.* Hazandrano amy ny ranomasina.

MORVE, *sf.* 1° Lelo. 2°—, Karazan' aretin-tsoavaly.

MORVEUX, EUSE, *adj* et *s.* 1° Be lelo, paka lelo. 2°—. Mararin' ny *morve*. 3° *fig.* Qui se sent— se mouche. Saro-babay, ka izay voa aza tezitra, fa mandraisa.

—, *s.* Karin-jaza.

MOSAÏQUE, *adj.* Avy amin'y Moizy. La loi —. Ny laliny *Moizy*.

MOSAÏQUE, *sf.* Rafi-bato misoratsoratra atao amy ny vato samihafa volo. Pavé de—. Ngorodom-*bato misoratsoratra*.

MOSQUÉE, *sf.* Trano fivavahan' ny Silamo.

MOT, *sm.* Teny, vava.— nouveau. *Teny* vaovao.— à double entente. *Teny* roa hevitra. Il lui a dit un— à l'oreille. Nibitsika *teny* indraim-bava tao an-tsofiny izy. Je vous dirai cela en peu de mots. Holazaiko aminao amy ny *teny* vitsivitsy izany. Je vous expliquerai cela en un—, en trois mots. Hovoasako aminao amy ny *teny* indraim-bava izany. Un—, deux mots, s'il vous plait. *Teny* indraim-bava, raha sitrakao. Je vous prêterai mille francs, mais donnez-moi un — d'écrit. Hampisambotra ariary roan-jato anao aho, fa manorata *teny* indraim-bava. Il entend à demi—. Malaky mahazo *teny* izy. Il demeura confus et ne dit—. Nangaihay izy, ka tsy *niteny* tsy nivolana. S'il ne dit —, il n'en pense pas moins. Na dia tsy *miteny* aza izy, dia mahalala hiany. Qui ne dit —, consent. Rahefa tsy *miteny*, dia manaiky. Ne croyez pas à ses promesses, ce ne sont que des mots. Aza matoky ny teniny, fa *vava* fotsiny izany. ‖ *loc.* Gros mots. Fitenenan-dratsy an'Andriamanitra, ozona, ompa, sahato, fingosoana. Bon—, —pour rire. Hatsikana. Je n'entends pas le fin — de tout cela. Tsy fantatro izay kendrena amin'izany rehetra izany. Il n'a pas encore dit le fin—. Tsy mbola nanambara ny heviny, ny nokasainy hatao izy. J'en veux cinq cent francs, c'est mon dernier—. Ariary zato no farany angalako azy. Si vous voulez acheter cela, dites votre dernier—. Raha tianao ny hividy izany, lazao ny fara sahinao. Je lui ai offert cinq francs de ce volume, il m'a pris au—. Nomeko farantsa izy ho vidin'izany boky izany, ka nanaiky.— d'ordre. Baiko. Allez prendre le— d'ordre. Mandehana maka *baiko*. Vous pouvez compter sur lui, il a le—. Azonao itokiana izy, satria efa nilazana izay tokony hataony. Ces gens-là se sont donné le—. Mifanaraka, miray tetika izy ireo.

Mot à mot, *sm.* Dikan-teny araka ny teny tsirairay. Voici le— à —de cette phrase. Intý ny *dikan'* izany fehezan-teny izany *araka ny teny tsirairay*.

Mot à mot, mot pour mot, *loc. adv.*

Araka ny teny tsirairay, manontolo. Il a traduit — à —. Nandika *araka ny teny tsirairay* izy. Cette phrase est — pour— dans ce livre. Ato amin'ity boky ity avokoa io fehezan-teny *manontolo* io.

En un mot, *loc. adv.* Farany. En un—, c'est un homme accompli. *Farany,* olona lavorary izy.

MOTET, *sm.* Hira latina fohifohy fanao amy ny trano leglizy.

MOTEUR, *sm.* 1° Fototry ny fihetsehana, mampihetsika. Dieu est le premier — de toutes choses. Andriamanitra no *fototra* voalohan' ny *fihetsehan'* ny zavatra rehetra. La vapeur est le — de cette machine. Ny sitimo no *mampihetsika* io milina io. 2° *fig.* Fototra. Il est le — de l'entreprise. Izy no *fototry* ny raharaha.

MOTEUR, TRICE, *adj.* Mampihetsika. Force motrice. Hery *mampihetsika.*

MOTIF, *sm.* Antony. Par quel— a-t-il fait cela ? Inona no *antony* nanaovany izany ? Sans —. Tsy misy *antony,* tsy ahoana tsy ahoana.

MOTION, *sf.* 1° Fihetsehana. 2°—, Hevitra. On a rejeté sa—. Tsy noraisina ny *heviny.*

MOTIVER, *va.* 1° Milaza ny antony. Il a motivé son refus. *Nilaza ny anton'* ny fandávany izy. 2°—, Antony. Voilà ce qui a motivé cet arrêt. Izany no *anton'* izany didy izany.

MOTTE, *sf.* 1° Bainga, tombo-tany, tombok' ahitra. Briser les mottes. Mamaky *bainga, mitombo*-doha.Se battre à coups de mottes. Mifampitoraka *bainga.* Faire une digue avec des mottes de terre. Manao fefiloha amy ny *tombo*-tany. —de gazon. *Tombok'ahitra.* 2°—, Tany momba fakan-kazo. Levez cet arbre avec sa—. Esory io hazo io, ka ataovy *momba tany* betsaka ny *fakany.*

MOU ou **MOL, MOLLE,** *adj.* 1° Malemy, boda, mihonankonana, osa. Cire molle. Savoka *malemy.* Pêches molles. Paiso efa *boda, mihonankonana.* 2° *fig.* Osa, mitsimozimozy, mitsilamodamoka, miborerarera. Il est—au travail. *Osa,* etc., izy, raha miasa. 3°—, Mikovavy. Il mène une vie molle. *Mikovavivavy* toetra izy. 4°—, Morainy loatra, rainazy loatra. Il a une molle indulgence pour sa femme. *Morainy loatra,* etc., izy amy ny vadiny. Voy. Mollesse.

MOUCHARD, *sm.* 1° Drakadraka, polisy mpitsikilo. 2° *fig.* Mpitsikilo, mpitily.

MOUCHARDER, *va.* et *vn.* Mitsikilo, mitily.— quelqu'un. *Mitsikilo,* etc., olona.

MOUCHE, *sf.* 1° Lalitra. ‖ *loc.* — à miel. Renitantely. 2° *fig.* Gober des mouches. Mitango *lalitra.* Prendre la—. Tezitra tsy misy antony, misambo-boa tsy latsaka. Faire la — du coche. Miheninkenina foana sy mihambo ho foto-draharaha.

MOUCHER, *va.* 1° Manala lelo. Mouchez cet enfant. *Aao* ny *lelon'* io zaza kely io. 2°—, Manety lahin-jiro. Mouchez cette chandelle. *Hetezo* io *lahin-jiro* io.

Se moucher, *vpr.* Manisina, manisindelo. Mouchez-vous. *Manisina, manisina lelo.*

MOUCHERON, *sm.* Aloy, mokafohy. Il lui est entré un — dans l'œil. Nidiran' ny *aloy* ny masony.

MOUCHETÉ, ÉE, *adj.* Mipentimpentina, maramara, vangavanga, vandambandana. Satin —. Parasily *mipentimpentina, maramara, vangavanga.* Papillon —. Lolo *maramara, vangavanga.* Chat —. Saka *vandambandana.*

MOUCHETER, *va.* Mamentimpentina.

MOUCHETTES, *sf. pl.* Hetin-jiro.

MOUCHETURE, *sf.* Ny pentimpentina, ny maramara, ny vangavanga, ny vandambandana.

MOUCHOIR, *sm.* Mosara, fanisinandelo.

MOUCHURE, *sf.* Lavenon-dahin-jiro.

MOUDRE, *va.* 1° Mitoto, manolana. — du blé, du café. *Mitoto* varim-bazaha, kafé. — des cannes à sucre. *Manolampary.* 2° *fig.* — un homme de coups. Mametsapetsaka olona.

MOUE, *sf.* Fampitovia-molotra. Faire la —. *Mampitovy molotra*; *fig.* midongy.

MOUILLAGE, *sm.* Fiantsonana. Navire au —. Sambo *miantsona.*

MOUILLÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Lena, voalena, nolemana, kotsa, nokotsana, ditsaka, noditsahana, vonto, novontosana. Je suis tout —. *Lena, kotsa, ditsaka* aho. Il a les yeux mouillés de larmes. *Vonton*-dranomaso ny masony. 2°—, Miantsona. Nous étions mouillés dans la rade. *Niantsona* tao amy ny fitodian-tsambo izahay.

MOUILLER, *va.* 1° Mandena, manako-

tsa, mahaditsaka, mamonto. — un linge dans l'eau. *Mandena* lamba anaty rano. Ce brouillard mouille comme de la pluie. *Mandena, manakotsa, mahaditsaka* tahaka ny ranonorana izany zavona izany. Des larmes mouillaient son visage. *Kotsan'* ny ranomaso ny tarehiny. 2° —, Mandatsaka. — l'ancre. *Mandatsaka* vatofantsika.

—, *vn.* Mandatsaka vatofantsika.

Se mouiller, *vpr.* Lena, kotsa, ditsaka, vonto. Il a peur de se —. Matahotra ny ho *lena,* ho *kotsa,* ho *ditsaka* izy.

MOUILLETTE, *sf.* Mofo manify atsoboka amy ny atodiakoho.

MOUILLURE, *sf.* Fandemana, halena.

MOULAGE, *sm.* 1° Fanidinana, fanontana, fanaovana amy ny lasitra. 2° —, Fanaovana lasitra.

MOULE, *sm.* Lasitra. Les canons se jettent en —. Aidina amy ny *lasitra* ny tafondro.

MOULÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Voaidina, naidina, voatonta, natonta, natao tamy ny lasitra. Médaille moulée. Medaly *voaidina,* etc. 2°—, Nanaovana lasitra.

MOULER, *va.* 1° Manidina, manonta, manao amy ny lasitra. — des chandelles. *Manidina* labozý, *manao* labozý *amy ny lasitra.* 2°—, Manao lasitra. — une statue. *Manao* ny *lasitry* ny sariolona.

Se mouler, *vpr.* Maka tahaka. Se— sur quelqu'un. *Maka tahaka* olona.

MOULEUR, *sm.* Mpanidina sary.

MOULIN, *sm.* 1° Milina fitotoana, milina fanolanana. — à café. *Milina fitotoan*-kafé. — pour moudre les cannes à sucre. *Milina fanolanam*-pary, fangarinana. 2° *fig.* C'est un — à paroles. Basivava izy. Faire venir l'eau au—. Mahay mila hanina.

MOULINET, *sm.* Fanodinkodinana. Faire le— avec un sabre. *Manodinkodina* sabatra mba hiaro tena.

MOULU, UE, *p.* et *adj.* 1° Voatoto, nototoina, voaolana, naolana, vovoka. Or —. *Vovo*-bolamena. 2° *fig.* Torovana. Je suis—. *Torovana* aho.

MOULURE, *sf.* Filiro. Ce cadre a plusieurs moulures. Be *filiro* izany tranon-tsary izany.

MOURANT, ANTE, *adj.* et *s.* Miala aina. Les blessés et les mourants. Ny maratra sy ny *miala aina.*

MOURIR, *vn.* 1° Maty, miala aina, mody mandry, miamboho. Il va—. Efa ho *faty, hiala aina, hody mandry,* ambavahoana izy. Le roi va—. Efa *hiamboho* ny mpanjaka. Je meurs de chaud. *Matin'* ny hafanana aho. Il meurt de faim. *Maty* mosary izy. Le froid a fait — ces fleurs. *Matin'* ny hatsiaka ireto voninkazo ireto. Il a laissé — le feu. Navelany ho *faty* ny afo. 2°—, Mamono, levona, mihena, mihamalemy.— à ses passions, faire— ses passions. *Mamono* ny filan-dratsiny. Son nom ne mourra jamais. Tsy ho *levona* na oviana na oviana ny anarany. Sa voix arrive en mourant. *Mihena, mihamalemy* ny feony vao tonga etý.

Se mourir, *vpr.* Efa ho faty, miala aina, ambavahoana, efa hiamboho, mitsilopilopy. Votre chandelle se meurt. *Efa ho faty, mitsilopilopy* ny jironao.

MOUSQUET, *sm.* Basy notsolorana afo.

MOUSQUETERIE, *sf.* Rerem-basy.

MOUSSE, *sm.* Mpianatra ho matiló.

MOUSSE, *sf.* 1° Volon-kazo, savorinala, volom-bato. 2° —, Vory, roatra. La— du savon. Ny *vorin*-tsavony. La— de la bière. Ny *vory,* ny *roatran*-dabiera.

MOUSSELINE, *sf.* Masilina.

MOUSSER, *vn.* 1° Mamorivory, mandroadroatra. La bière mousse. *Mamorivory,* etc., ny labiera. 2° *fig.* Faire — quelqu' un. Mandokadoka olona.

MOUSSEUX, EUSE, *adj.* 1° Mamorivory, mandroadroatra. Vin—. Divay *mamorivory.* 2°—, Voloina. Plantes mousseuses. Zava-maniry *voloina.*

MOUSSON, *sf.* Rivotra mifamadika isan' enim-bolana any amy ny ranomasina Indiana.

MOUSSU, UE, *adj.* 1° Be volon-kazo. Arbre—. Hazo *be volo.* 2°—, Voloina. Rose moussue. Raozy *voloina.*

MOUSTACHE, *sf.* Volom-bava. — retroussée. *Volom-bava* miolana.— d'un chat. *Volom-bavan*-tsaka.

MOUSTIQUAIRE, *sf.* Lamba makarakara atao aro moka amy ný fandriana.

MOUSTIQUE, *sm.* Moka.

MOÛT, *sm.* Ranom-boaloboka.

MOUTARD, *sm.* Kotokely.

MOUTARDE, *sf.* 1° Mostarda, voantsinapý. 2° *fig.* La — lui monte au nez. Mila ho tezitra izy. C'est de la — après di-

ner. Salaka miamboho vody, ranomaso tsy miaraka amam-paty izany.

MOUTARDIER, *sm*. 1° Fitoerana mostarda. 2°—, Mpivarotra mostarda.

MOUTON, *sm*. 1° Ondry vositra. 2°—, Hen'ondry. Manger du—. Homan-*hen' ondry*. 3°—, Ondry. Garder les moutons. Miandry *ondry*. 4°—, Hoditr'ondry. Reliure en—. Fonom-boky natao tamy ny *hoditr'ondry*. 5° *fig*. C'est un vrai —. Malemy fanahy, morabe tokoa izy. Le peuple fait comme les moutons. Manara-drian-drano ny vahoaka. Revenons à nos moutons. Aoka hotohizintsika indray izay efa voalaza teo.

MOUTONNÉ, ÉE, *adj*. 1° Oly. Chevelure moutonnée. Volon-doha *oly*. 2°—, Mamboly voanjo, manao torim-boanjo. Le ciel est—. *Mamboly voanjo*, etc., ny lanitra.

MOUTONNER, *vn*. Mamorivory, mandroadroatra. La mer moutonne. *Mamorivory*, etc., ny ranomasina.

MOUTONNEUX, EUSE, *adj*. Mamorivory, mandroadroatra.

MOUTONNIER, IÈRE, *adj*. Manara-drian-drano. Gent moutonnière. Vahoaka *manara-drian-drano*.

MOUTURE, *sf*. Fitotoana varim-bazaha.

MOUVANT, ANTE, *adj*. 1° Mampihetsika, mampandeha. Force mouvante. Hery *mampihetsiketsika*, etc. 2°—, Mivalombalona, mora mihetsiketsika,— mifindrafindra,—miletsy. Les plis mouvants d'une robe. Ny *fivalombalon*'ny ketron-jipo. Sable—. Fasika *mora mihetsiketsika, mora mifindrafindra, mora miletsy*, fasi-polaka. Terre mouvante. Tany *mora miletsy*.

MOUVEMENT, *sm*. 1° Fihetsehana, fihetsika, fandeha, fitepotepo. Le — de la terre. Ny *fihetsehana, fihetsiky* ny tany. Le—des astres. Ny *fandehan*'ny astra. Ce cheval a les mouvements gracieux. Mahafinaritra ny *fandehan'* io soavaly io. Il ne saurait rester en place, c'est le— perpétuel. Tsy mahay mipetraka izy, fa *mihetsiketsika* lalandava. Il est malade faute de—. Mandraiki-marary noho ny tsy *fihetsiketsehany* izy. Le— du cœur. Ny *fitepotepon*'ny fo. Ce chant est d'un —lent. Miadana ny *fandehan'* izany hira izany. 2°—, Fihetsehan'ny miaramila, famindran'ny miaramila, dian'ny miaramila. Ce — a été bien exécuté. Lavorary izany *fihetsehan' ny miaramila, famindran'ny miaramila* izany. Surveiller les mouvements de l'ennemi. Mitsikilo ny *dian*'ny fahavalo. 3°—, Fiovana, fikitoantoana Le—de la population de cette ville est considérable. *Miovaova* be hiany ny mponina amin' izany tanána izany. Il y a du — dans le prix des denrées. *Miovaova* ny vidin-javatra. Les mouvements d'un terrain. Ny *fikitoantoan'* ny tany. 4° *fig*. Fiheninkenina, fihetsehana, fitarihana, fitaomana, hevitra, sitra-po. Il se donne bien du — dans cette affaire. *Miheninkenina* fatratra amin' izany raharaha izany izy. Il a un — de fièvre. *Mihetsika* ny fanaviany. Il a eu un — de colère. *Nihetsika* ny hatezerany. On n'est pas maître d'un premier —. Saro-tsindriana ny *fihetsehan'* ny fo voalohany. Il a fait cela par un — de pitié. *Notaritina, notaomin'* ny famindram-po mba hanao izany izy. Il a fait cela par un bon —. *Hevitra* tsara no nanaovany izany. Il n'a fait que suivre le — d'autrui. Nanaraka fotsiny ny *hevitra, sitra-pon*'ny sasany izy. Il n'a pas fait cela de son propre —. Tsy *sitra-pony* no nanaovany izany. 5° —, Firehitra, zavatra mampangora-po, — mampitse-po, — mahonéna. Il y a beaucoup de — dans son style. *Mirehidrehitra* be hiany ny laha-teniny. Il y a de grands mouvements dans ce discours. Misy *zavatra mampangora-po, mampitse-po, mahonéna* fatratra amin' izany lahateny izany. 6°—, Kotabataba. —populaire. *Kotabataban'* ny vahoaka.

MOUVEMENTÉ, ÉE, *adj*. Mikitoantoana, miovaova. Terrain —. Tany *mikitoantoana*.

MOUVOIR, *va*. 1° Mampihetsika, manetsika, mampandeha. Le ressort qui meut la machine. Ny vimiaina izay *mampihetsika*, etc., ny milina. Cent hommes ne sauraient — cette pierre. Olona zato lahy tsy *mahetsika* io vato io. 2° *fig*. Mitarika, mitaona. La passion le meut. *Taritina, taomin'* ny filan-dratsy izy.

Se mouvoir, *vpr*. Mihetsika, mandeha, mamindra. Il ne saurait se —. Tsy *mahetsika*. tsy afa-*mihetsika*, etc., izy.

MOYEN, *sm*. 1° Fanaovana, fanatanterahana, fahazoana. De quel — ¡s'est-il servi? Inona no nentiny *hanaovana, hanatanterahana, hahazoana* izany? Par divers moyens on arrive à la même fin. Misy *fanaovana* samihafa anatanterahana zavatra iray ¡kendrena. Il ne

suffit pas que la fin soit bonne, il faut aussi que les moyens soient justes. Tsy ampy ny fahamarinan'ny kendrena, fa tsy maintsy ho araka ny rariny koa izay *anatanterahana* azy. C'est le — de faire fortune. Izany no *ahazoan*-karena. Il n'y a pas — d'entrer. Tsy *azo* idirana. Il n'y a pas — de faire cela. Tsy *azo* atao izany. 2° —, Alalana, noho. Il a obtenu cet emploi par le — de son ami. Tamy ny *alalan'* ny sakaizany no nahazoany izany raharaha izany. Il s'est avancé par le — de la flatterie. Nisondrotra izy *noho* ny fandokadokafana nataony. 3°—, *pl*. Fananana, harena. Donnez selon vos moyens. Manomeza araka ny *fananana*o, etc. 4°—, Saina, fahaizana. Il a des moyens. Be *saina*, *mahay* izy.

Au moyen de, *loc. prép*. Noho, Il a réussi au — de cette démarche. Nahomby izy *noho* ny nataony.

MOYEN, ENNE, *adj*. Antoniny, onony, salasala, sakany, antenatena, manelanelana. Il est de moyenne taille. *Antonintoniny* ny hahavony, olona *onony* izy. Mèche de moyenne grosseur. Zanadamisy *salasala*. Enfant —. *Sakan-ja*za. La région moyenne de l'air. Ny *antenatenan'* ny atmosfera. Il a pris un — terme pour les concilier. Hevitra anankiray *manelanelana* nentiny mba hampifanaraka azy roa lahy izy.

MOYENNANT, *prép*. Noho, forme relative. J'en viendrai à bout — la grâce de Dieu. Ho vitako izany *noho* ny fitahian'Andriamanitra. Il a acheté l'emplacement — la somme de cent piastres. Ariary zato no *nividianany* ny tokotany.

MOYEU, *sm*. Foi-ben-kodiarana.

MOZAMBIQUE, *adj*. et *s*. Masombika, zazamanga.

MUCILAGE, *sm*. Ranon-kazo mitsilolilolу.

MUCILAGINEUX, EUSE, *adj*. Misy tsilolilolу. Racine mucilagineuse. Fakan-kazo *misy tsilolilolу*.

MUCOSITÉ, *sf*. 1° Tsilolilolу. La — des intestins. Ny *tsilolilolу* amy ny tsinay. 2°—, Ranon-kazo mitsilolilolу.

MUE, *sf*. 1° Fihintsanam-bolo, fiofoana. 2°—, Volom-biby mihintsana, hofakofabibilava. La — du serpent. Ny *hofakofa*-bibilava.

MUÉ, ÉE, *p*. et *adj*. 1° Nihintsam-bolo, niofo. 2°—, Vaky feo.

MUER, *vn*. 1° Mihintsam-bolo, miofo. Cet oiseau mue. *Mihintsam-bolo* io vorona io. Les serpents muent. *Miofo* ny bibilava. 2°—, Vaky feo. Sa voix mue. *Vaky* ny feony.

MUET, ETTE, *adj*. 1° Moana. 2°—, Tsy miteny, tsy miteny tsy mivolana. La frayeur le rendit—. *Tsy nahateny* noho ny tahotra izy. Il resta—. *Tsy niteny tsy nivolana* izy. 3° *fig*. Tsy miteny, tsy milaza. La loi est un juge—. Ny lalána dia mpitsara *tsy mileny*. Les lois sont muettes sur ce point. *Tsy milaza* izany ny lalána. Sa douleur est muette. Malahelo izy nefa *tsy miteny*, etc. 4°—, Tsy tononina. Lettres muettes. Litera *tsy tononina*.

—, *s*. Olona moana. Il a fait le —. Nody *moana* izy.

MUFLE, *sm*. Tendro-molotra sy tendron' oron' ny biby sasany.

MUGIR, *vn*. 1° Mimá, mitrena. 2° *fig*. Mitrena, mirohondrohona, mifofofofo, mimamamama. Le torrent s'élance en mugissant. Sady miantonta no *mitrena* ny ranon-driaka. J'entends — les flots. Reko *mirohondrohona* ny onjan-dranomasina. Le vent mugit dans les voiles. *Mifofofofo, mimamamama* amy ny lain-tsambo ny rivotra.

MUGISSANT, ANTE, *adj*. 1° Mimá, mitrena. Taureau—. Ombalahy *mimá*, etc. 2° *fig*. Mitrena, mirohondrohona, mifofofofo, mimamamama.

MUGISSEMENT, *sm*. 1° Fimá, fitrena. 2° *fig*. Firohondrohona, fifofofofo, fimamamama.

MULÂTRE, *adj*. Olona zafindraony, kiriolona.

MULE, *sf*. Ramolevavy. Etre têtu comme une—. Manao kirin-*dramole*.

MULET, *sm*. 1° Ramole. 2°—, Zimpona.

MULETIER, *sm*. Mpitarika ramole.

MULTICOLORE, *adj*. Maro volo.

MULTIPLE, *adj*. et *sm*. 1° Avy amy ny isa mifampitombo. Neuf est—de trois. Ny sivy dia *avy amy ny* telo *mifampitombo*. 2°—, Maro loha. Cette question est—. *Maro loha* izany zavatra dinihina izany.

MULTIPLIABLE, *adj*. Azo ampitomboina.

MULTIPLICANDE, *sm*. Ny isa ampitomboina.

MULTIPLICATEUR, *sm*. Ny isa mpampitombo.

MULTIPLICATION, *sf.* Fampitomboana. La— des cinq pains. Ny *fampitomboana* ny mofo dimy. Il ne sait pas faire une—. Tsy mahavita *fampitomboana* izy.

MULTIPLICITÉ, *sf.* Habetsahana, hamaroana. La— des lois. Ny *habetsahana,* etc., ny lalána.

MULTIPLIER, *va.* Mampitombo. —les bonnes œuvres. *Mampitombo* ny asa soa. —cinq par trois. *Mampitombo* telo ny dimy.

—, *vn.* Mihamaro. Croissez et multipliez. Mitomboa sy *mihamaroa.*

Se multiplier, *vpr.* 1° Mitombo. mihamaro, mihabetsaka. Les plantes se multiplient par les semences. *Mitombo,* etc., avy amy ny voany ny zava-maniry. 2°—, Misahana raharaha maro.

MULTITUDE, *sf.* 1° Habetsahana. Il y avait une— d'hommes. Nisy lehilahy *betsaka* tao. 2°—, Vahoaka. Je n'ai jamais vu une si grande—. Tsy mbola nahita *vahoaka* be toy izany aho. Il éblouit la —. Mahatalanjona ny *vahoaka* izy.

MUNICIPAL, ALE, *adj.* Momba ny *municipalité.*

MUNICIPALITÉ *sf.* 1° Fizaran-tany, fokon'olona. Comme Commune. 2°—, Ny lehibe amy ny *commune.* 3°—, Trano fanaovan' ny lehibe amy ny *commune* raharaha. Comme Mairie.

MUNIFICENCE, *sf.* Fahafoizam-be, fanomezam-be, fahazavam-po, fanomezana. Comme Libéralité.

MUNIR, *va.* Mitao, mamonona. —une place d'armes. *Mitao,* etc., fiadiana ho amy ny tanána misy baterý. —une ville de vivres. *Mamonona* hanina ho amy ny tanána anankiray.

Se munir, *vpr.* 1° Mitao, mivonona, mamonona. Il se munit d'armes. *Mitao,* etc., fiadiana izy. Il se munit d'argent. *Mivonona, mamonom*-bola izy. 2° *fig.* Miomana. Munissez-vous de patience. *Miomána* mba handefitra.

MUNITION, *sf.* Fitaovana, fiadiana, hanina, vatsy. Munitions de guerre. *Fitaovana, fiadiana.* Munitions de bouche. *Hanina, vatsy.* Pain de—. Mofo *hohanin*'ny miaramila.

MUQUEUX, EUSE, *adj.* Misy tsilolilolу, miteraka tsilolilolу.

MUR, *sm.* 1° Rindrina, ampiantany, tamboho, rafi-bato, rarivato, manda. Les murs d'une maison. Ny *rindrin*'ny trano anankiray.— de pierre de taille. *Rindrim*-bato voapaika. — de brique. *Rindrina* biriky tanimanga. —de terre. *Ampiantany.* — de pisé. *Ampiantany* nototoina.— mitoyen. *Rindrina, ampiantany* iombonana.— de clôture. *Tamboho.* Enclore d'un — un jardin. Manisy *ampiantany, tamboho* manodidina ny zarday anankiray. — de terrasse. *Rafibato, rarivato* anarenana tokotany. Les murs d'une ville. Ny *mandan*'ny tanána anankiray. Cette église est hors des murs. Ao ivelan'ny *manda* io trano leglizy io. 2° *fig.* C'est se donner la tête contre un—. Mandany ron-doha foana izay mitady hanatanteraka izany. Parlons bas, les murs ont des oreilles. Ataovy resaka malemy, fa tsy anao irery ny vody rindrina. Je l'ai mis au pied du—. Nataoko nitorevaka terý izy. Il y a un — de séparation entre ces deux hommes. Misy sampona misakana azy roa lahy mba tsy hifanaraka.

MÛR, MÛRE, *adj.* 1° Masaka, antitra. Les blés, les fruits sont mûrs. *Masaka* ny varim-bazaha, ny voankazo. Haricots, citrouilles, pistaches, maïs mûrs. Tsaramaso, voatavo, voanjom-bazaha, katsaka *antitra.* L'abcès est—. *Masaka* ny vay. ‖ *loc.* Fruit à demi—. Voankazo soamaravo. Riz à demi—. Vary mampandainga zaza. 2° *fig.* Masaka, hendry, malina, anti-panahy. L'affaire est mûre. *Masaka* ny raharaha. C'est un esprit—. Olon-*kendry, malina, anti-panahy* izy. Après une mûre délibération la chose a été décidée ainsi. Nony efa voadinika tamim-*pahendrena,* tamim-*pahamalinana* ny raharaha, dia naraikitra toy izao. ‖ *loc.* Il est dans l'âge —. Efa olon-dehibe izy. Voy. Maturité.

MURAILLE, *sf.* Rindrina, ampiantatany, tamboho, manda.— épaisse. *Rindrina* matevina. Écrire sur la — d'une prison. Manoratra amy ny *rindrin*'ny tranomaizina. Il passa par-dessus la—. Nihoatra ny *ampiantany,* ny *tamboho* izy. Les muraillles d'une ville. Ny *mandan*'ny tanána anankiray.

MURAL, ALE, *adj.* Amy ny rindrina, — ampiantany, — rafi-bato, — rarivato. Cartes murales. Sarin-tany apetaka *amy ny rindrina.* Plantes murales. Zavamaniry *amy ny rindrina,* etc.

MÛRE, *sf.* Voaroihazo, voankazon-dandy. — sauvage. *Voaroi*mainty.

MÛREMENT, *adv.* Amim-pahendrena, amim-pahamalinana. J'y ai — réfléchi. Efa nodinihiko *tamim-pahendrena*, etc., izany.

MURER, *va.* 1° Manisy ampiantany, — tamboho, — manda. — une ville. *Manisy manda* tanána anankiray. 2° —, Manampina. — une fenêtre. *Manampina* varavaran-kely.

MÛRIER, *sm.* Foto-boaroihazo, hazondandy.

MÛRIR, *vn.* 1° Mihamasaka, mihantitra, miotrika. Les raisins mûrissent au soleil. Ny voaloboka *mihamasaka* azon' ny hainandro. — artificiellement. *Miotrika*. Faire — des bananes sur la paille. *Manotrika* akondro ambonin' ny bozaka. 2° *fig.* Mihamasaka, mihahendry, mihamalina. Il faut laisser — cette affaire. Tokony havela ho *masaka* izany raharaha izany. Son esprit mûrira. *Hihahendry, hihamalina* izy.

—, *va.* 1° Mahamasaka, mahantitra. Le soleil mûrit les fruits. Ny hainandro no *mahamasaka* ny voankazo. Cet emplâtre mûrira l'abcès. *Hahamasaka* ny vay izany katapilasy izany. 2° *fig.* Mampahendry, mahamalina.

MÛRISSANT, ANTE, *adj.* 1° Mihamasaka. Raisin —. Voaloboka *mihamasaka*. 2° —, Mahamasaka. Chaleur mûrissante. Hainandro *mahamasaka*.

MURMURANT, ANTE, *adj.* Misasasasa, mizozozozo. Onde murmurante. Rano *misasasasa*.

MURMURATEUR, *adj.* et *sm.* Mpimonjomonjo, mpimoimoy, mpikoinkoina. Moïse extermina les murmurateurs. Moizy nandringana ny *mpimonjomonjo*, etc.

MURMURE, *sm.* 1° Fimonomononana, fingonongononana, fihorehana, fimenomenonana, fimonjomonjoana, fimoimoizana, fikoinkoinana. Quel — est-ce que j'entends? *Fimonomononana, fingonongononana* ahoana izany reko izany? — d'approbation. *Fihorehana*. Le nouvel impôt a excité de grands murmures. Ny hetra vaovao *nampimonomonona, nampimenomenona, nampimonjomonjo, nampimoimoy, nampikoinkoina* be hiany. 2° —, Fisasasasa, fizozozozo. Le — des eaux. Ny *fisasasasan'* ny rano. Le — des zéphyrs. Ny *fizozozozon'* ny tsotso-drivotra.

MURMURER, *vn.* 1° Mimonomonona, mimenomenona, mimonjomonjo, mimoimoy, mikoinkoina. Il se soumit sans —. Nanaiky tsy *nimonomonona*, etc., izy. 2° —, Misasasasa, mizozozozo.

MUSARD, ARDE, *adj.* et *s.* Mandany andro foana.

MUSC, *sm.* 1° Biby misy zava-manitra. 2° —, Zava-manitra azo avy amin' izany biby izany.

MUSCADE, *sf.* Voankazo manitra.

MUSCADIN, *sm.* Olona kasikasy.

MUSCAT, *adj. m.* Manitra. Raisin —, Voaloboka *manitra*. Vin —. Divay *manitra*.

—, *sm.* Voaloboka manitra, divay manitra.

MUSCLE, *sm.* Hozatra.

MUSCLÉ, ÉE, *adj.* Hozatina.

MUSCULAIRE, *adj.* Amy ny hozatra. La force —. Ny herin' *ny hozatra*.

MUSCULEUX, EUSE, *adj.* 1° Be hozatra. La partie musculeuse. Ny faritra *be hozatra*. 2° —, Hozatina, tomady. Homme —. Olona *hozatina*, etc.

MUSE, *sf.* 1° Andriamanibavy nataon' ny mpanompo sampy ho fototry ny fahaizana tonon-kira, — ny fahaizana mandaha-teny an-tsoratra na am-bava. 2° —, *pl.* Tonon-kira, laha-teny an-tsoratra na am-bava. Il cultive les muses. Milozoka manao *tonon-kira*, etc., izy.

MUSEAU, *sm.* Vava sy oron' ny biby sasany.

MUSÉE, *sm.* Trano fanangonan-tsary na fatim-biby voatahiry na vato samihafa karazana, etc.

MUSELER, *va.* 1° Manisy sarom-bava. — un chien. Manisy *sarom-bava* alika anankiray. 2° *fig.* Manampim-bava.

MUSELIÈRE, *sf.* Sarom-bava.

MUSER, *vn.* Manary andro foana.

MUSETTE, *sf.* Karazan-java-maneno.

MUSÉUM, *sm.* Comme MUSÉE.

MUSICAL, ALE, *adj.* Momba ny *musique*.

MUSICALEMENT, *adv.* Araka ny *musique*.

MUSICIEN, IENNE, *s.* Mpahay *musique*, mpamoron-kira, mpihira, mpahay zava-maneno, mpitsoka mozika, mozesena.

MUSIQUE, *sf.* 1° Fahaizana momba ny hira sy ny feon-java-maneno. Il sait la —. Mahay *ny momba ny hira sy ny feon-java-maneno* izy. 2° —, Hira, naoty, zava-maneno, feon-javatra, mozika. Il compose de la —. Mamoron-*kira* izy. — vo-

cale. *Hira* hiraina. — instrumentale. *Hira* atao amy ny zava-maneno. — d'église. *Hira, naoty* fanao amy ny trano leglizy. — de violon. *Hira* atao amy ny lokangam-bazaha, *naotin*-dokangam-bazaha. Copier de la —. Mikopia *naoty*. Livre de —. Boky misy *naoty*. Instrument de —. *Zava-maneno*. Maitre de —. Mpampianatra *hira, naoty, zava-maneno*. J'ai entendu de la boîte —. Nahare *zava-maneno, feon-javatra, mozika* mahafinaritra aho. J'ai entendu la — du régiment. Efa nahare ny *mozikan'* ny miaramila aho.

MUSQUÉ, ÉE, *adj*. 1° Manitra *musc*. 2° *fig*. Miangolangola, miangesongeso, miangentsangentsana, mandóka. Orateur, style —. Mpandaha-teny, laha-teny *miangolangola, miangesongeso, miangentsangentsana*. Paroles musquées. Teny *mandóka*.

MUSQUER, *va*. Manamanitra amy ny *musc*.

Se musquer, *vpr*. Manisy *musc* amy ny tenany.

MUSULMAN, ANE, *adj*. et *s*. Silamo.

MUTABILITÉ, *sf*. Fiovaovana. La — de nos désirs. Ny *fiovaovan'* ny fanirian-tsika.

MUTATION, *sf*. Fiovana, fifanovana. Il y a eu de nombreuses mutations parmi les officiers. *Niova, nifanova* be hiany ny manamboninahitra.

MUTILATION, *sf*. 1° Fanapahan-tsandry na tongotra, fanakoroana, fandidiana orona. 2° *fig*. Fanimbana.

MUTILER, *va*. 1° Manapa-tsandry na tongotra, manakoro, mandidy orona. — quelqu'un d'un bras. *Manapa-tsandrin'* olona. 2° *fig*. Manimba. — un tableau à coups de couteau. *Manimba* sary amy ny antsy.

Se mutiler, *vpr*. Mandidy tena.

MUTIN, INE, *adj*. et *s*. 1° Maditra, mafy sofina, mikiribibiby, mila akisa. Enfant —. Zaza kely *maditra*, etc. 2° *fig*. Mikomy, miodina. On arrêta les mutins. Nosamborina ny *mpikomy*, etc.

MUTINER (SE), *vpr*. 1° Manao ditra, mikiribibiby. Cet enfant se mutine. *Manao ditra*, etc., io zaza io. 2° *fig*. Mikomy, miodina. Les troupes se mutinèrent. *Nikomy, niodina* ny miaramila.

MUTINERIE, *sf*. 1° Di-doha, hamafy sofina, fikiribibiana, fikiribiby. 2° *fig*. Fikomiana, fiodinana.

MUTISME, *sm*. 1° Hamoanana. 2° *fig*. Fijahidiana.

MUTUEL, ELLE, *adj*. Mifamaly, mifan..., mifank..., mifampi..., Quels sont les devoirs mutuels d'un père et d'un fils? Inona no tsy maintsy *hifamalian'* ny ray sy ny zanaka? Société de secours —. Fikambanan' olona *mifan*ampy amy ny vola. L'enseignement — est utile. Mahasoa ny *mifampi*anatra. Ils s'aiment d'une affection mutuelle. *Mifanka*tia izy ireo.

MUTUELLEMENT, *adv*. Mifan..., mifank..., mifampi.... La terre et la lune s'attirent —. *Mifan*intona, *mifampi*tarika ny tany sy ny volana.

MYOPE, *s*. et *adj*. Pahina, foby maso.

MYOPIE, *sf*. Hapahina.

MYRIADE, *sf*. Alinalina, zavon-tany. Des myriades d'étoiles. Kintana *alinalina*, etc.

MYRIAMÈTRE, *sm*. Iray alina metatra.

MYRMIDON, *sm*. Comme Mirmidon.

MYROBOLAN, *adj*. Mahagaga, mahatalanjona.

MYRRHE, *sf*. Mira, ditin-kazo manitra.

MYRTE, *sm*. Hazo madinika maitso lava.

MYSTÈRE, *sm*. 1° Mistery. Le — de la sainte Trinité. Ny *misterin'* ny Trinite Masina. ‖ *loc*. Célébrer les saints mystères. Manao lamesa. 2° *fig*. Zavatra saropantarina, zava-miafina, fanafenana. Il étudie les mystères de la nature. Mandinika ny zavatra *saro-pantarina* momba ny fomban-javatra amin' izao tontolo izao izy. Les mystères de la politique. Ny *zava-miafina* amy ny politika. Il fait — de tout. *Manafina* ny zavatra rehetra izy.

MYSTÉRIEUSEMENT, *adv*. Saropantarina, miafina, manafina.

MYSTÉRIEUX, EUSE, *adj*. 1° Misy mistery. 2° *fig*. Saro-pantarina, miafina. —, *adj*. et *s*. Manafina zavatra madinika.

MYSTICISME, *sm*. Fandinihana lalina momba ny fitiavam-bavaka.

MYSTICITÉ, *sf*. Fandinihana lalina momba ny fitiavam-bavaka, fitiavam-bavaka diso ohatra.

MYSTIFICATEUR, *sm*. Mpanambáka.

MYSTIFICATION, *sf*. Fanambakana.

MYSTIFIER, *va*. Manambáka.

MYSTIQUE, *adj.* 1° Misy ohatra, misy tandindona. Il ne faut pas entendre ce chapitre à la lettre, cela est —. Tsy tokony horaisina araka ny teny izany toko izany, fa *misy ohatra, misy tandindona.* 2° —, Mandinika lalina ny momba ny fitiavam-bavaka, misy fandinihana lalina momba ny fitiavam-bavaka. Ecrivain —. Mpamorona boky *mandinika lalina ny momba ny fitiavam-bavaka.* Livre —. Boky *misy fandinihana lalina momba ny fitiavam-bavaka.*

—, *s.* Mpandinika lalina ny momba ny fitiavam-bavaka.

MYSTIQUEMENT, *adv.* Amin'ohatra.

MYTHE, *sm.* 1° Anganon'ny ntaolo. 2° *fig.* Angano, hevi-potsy, hevi-dravina.

MYTHOLOGIE, *sf.* Anganon'ny ntaolo.

MYTHOLOGIQUE, *adj.* Momba ny anganon' ny ntaolo.

N

NABOT,OTE, *s.* Olona botry, olona boteta.

NACELLE, *sf.* Lakana.

NACRE, *sf.* Hara.

NACRÉ, ÉE, *adj.* Mivolon-kara, misy hara.

NADIR, *sm.* Ny farany ambany indrin' dra hitsin' ny tongotsika.

NAGE, *sf.* 1° Filomanosana. La — est un exercice utile. Mahasoa ny *milomano.* Il passa la rivière à la —. Nampita ny renirano *nilomano* izy. 2° *fig.* Être en —. Kotsan' ny hatsembohana, kotsa hoatra ny nampandroina.

NAGEOIRE, *sf.* Zavatra mitovitovy amy ny elatra manampy ny hazandrano hilomano.

NAGER, *vn.* 1° Milomano, mandano. Il sait —. Mahay *milomano,* etc., izy. Il apprend à —. Mianatra *milomano* izy. Eau dans laquelle on nage. Rano *ilomanosana, lanosina.* — en portant quelque chose d'une main. *Milomano* mitsintsin-javatra. || *loc.* — à la manière ordinaire. Manao sava rano. — sur le dos. Manao rano tsilany. — en se tenant debout. Manao rano tsangana. — tantôt d'un bras tantôt de l'autre. Manao tsipy sandry. — comme les chiens. Manao tsikarok' alika. — entre deux eaux. Manao an-tsitrika; *fig.* mahay roa, manao sotrobe lava tango, mahay atsy mahay aroana. 2° —, Mitsinkafona. L'huile nage sur l'eau. *Mitsinkafona* ambonin' ny rano ny solika. 3° *fig.* Milomano. — dans l'opulence. *Milomano* amy ny harena, manan-karena be, manefoefo.

NAGEUR, EUSE, *s.* Mpilomano.

NAGUÈRE ou **NAGUÈRES,** *adv.* Vao haingankaingana, tatohoato.

NAÏF, ÏVE, *adj.* 1° Tsotra. Réponse naïve. Valin-teny *tsotra.* Description naïve. Tantara *tsotra.* Personne naïve. Olona *tsotra.* 2° —, Tsotra loatra. Vous êtes —. *Tsotra loatra* hianao.

—, *sm.* Ny tsotra. Le — n'est point trivial. Tsy maintsy ho mendrika *ny tsotra.*

NAIN, NAINE, *s.* Zeny.

—, *adj.* Botry, boteta. Arbre —. Hazo *botry,* etc.

NAISSANCE, *sf.* 1° Ahaterahana. Depuis la — de Notre-Seigneur jusqu'à présent. Hatramy ny *nahaterahany* Jeso-Kristy no ho mankaty. Le pays où il a pris —. Ny tany *nahaterahany.* 2° —, Firazanana. Il est d'une — illustre. Avo *razana* izy. 3° *fig.* Fiandohana, fiantombohana, fihaviana, fisehoana, fototra. Depuis la — du monde. Hatramy ny *niandohana, niantombohan'* izao tontolo izao. C'est de là que les troubles prirent —. Izany no *niandohana, niantombohana, nihaviana, nisehoana, fototry* ny fikorontanana. À la — du jour. Raha vao *miseho* ny andro. Couper une branche à sa —. Manapaka rantsan-kazo ao amy ny *fotony.*

NAISSANT, ANTE, *adj.* 1° Vao teraka. 2° —, Vao maniry, vao mitsimoka, vao miseho. Arbres naissants. Hazo *vao maniry, vao mitsimoka.* Fleurs naissantes. Voninkazo *vao maniry,* etc. 3° *fig.* Vao miandoha, vao manomboka, vao miantomboka. État —. Fanjakana *vao miandoha,* etc.

NAÎTRE, *vn.* 1° Teraka. Ils naquirent

le même jour. Indray andro *teraka* izy ireo. Il est né aveugle. *Teraka* jamba izy. 2° —, Maniry, mitsimoka, miseho. L'herbe qui commence à — Ny ahitra izay vao *maniry, mitsimoka.* Les fleurs naissent au printemps. *Maniry,* etc., ny voninkazo raha lohataona. 3° *fig.* Miandoha, manomboka, miantomboka, avy, teraka, miseho. Le ruisseau naît ici. Eto no *miandoha, manomboka, miantomboka* ny sakeli-drano. Il est né de là une foule de procès. Izany no *niandohana, niantombohana, nihaviana, nisehoan'* ny ady maro, *niteraka* ady maro izany. L'empire romain ne faisait alors que de —. Tamin'izay vao *nanomboka, niantomboka, niseho* ny fanjakana romana.

NAÏVEMENT, *adv.* Amim-pahatsorana.

NAÏVETÉ, *sf.* 1° Fahatsorana. La — d'un enfant. Ny *fahatsoran'*ny zaza kely. Raconter avec —. Mitantara amim-*pahatsorana.* 2° —, Fahatsorana be loatra, zavatra tsotra loatra. Il dit des naïvetés. Milaza *zavatra tsotra loatra* izy.

NANTIR, *va.* Mametraka antoka. Il ne prête point si on ne le nantit auparavant. Tsy mampisambotra izy raha tsy *ametrahana antoka* aloha.

Se nantir, *vpr.* 1° Maka ho antoka. 2° —, Mivonona, mamonona. Je me suis nanti d'un manteau contre la pluie. Efa *nivonona, namonona* kapaoty aho sao misy ranonorana.

NANTISSEMENT, *sm.* Antoka.

NAPPE, *sf.* Lamban-databatra. — sale. *Lamban-databatra* maloto. — de communion. *Lamban-databatra* masina. — d'autel. *Lamban'* ny otely. || *loc.* — d'eau. Rano monina lehibe.

NARCOTINE, *sf.* Zavatra alaina avy amy ny opioma.

NARCOTIQUE, *adj.* 1° Mampatory. Remède —. Fanafody *mampatory.* 2° *fig.* Mampatory, mahaboboka. Discours —. Laha-teny *mampatory,* etc.

—, *sm.* Fanafody mampatory.

NARGUE, *sf.* Fanafókána. Faire — à quelqu'un. *Manafóka* olona.

NARGUER, *va.* Manafóka. — ses ennemis. *Manafóka* ny fahavalony.

NARINE, *sf.* Vavorona. — droite. *Vavorona* havanana. La cloison des narines. Ny efitra mampisaraka ny *vavorona.*

NARQUOIS, OISE, *adj.* Maneso. Rire —. Hehy *maneso.*

—, *s.* Fetsy, kapetsy. C'est un fin —. *Fetsilahy,* etc., izy.

NARRATEUR, TRICE, *s.* Mpitantara.

NARRATIF, IVE, *adj.* Momba ny tantara. Style —. Laha-teny *momba ny tantara.*

NARRATION, *sf.* Tantara.

NARRÉ, *sm.* Tantara.

NARRER, *va.* Mitantara.

NASAL, ALE, *adj.* 1° Amy ny orona. Fosses nasales. Aty *orona.* 2° —, Tononina an'orona. Consonnes nasales. Renisoratra *tononina an' orona.*

NASALE, *sf.* Vakiteny tononina an' orona.

NASALEMENT, *adv.* An'orona.

NASALITÉ, *sf.* Fanononana an'orona.

NASEAU, *sm.* Vavorom-biby. Ce cheval a les naseaux fort ouverts. Misokasoka lehibe ny *vavoron'* io soavaly io.

NASILLARD, ARDE, *adj.* Kentsona. Orateur —. Mpandaha-teny *kentsona.* Voix nasillarde. Feo *kentsona.*

—, *s.* Kentsona.

NASILLEMENT, *sm.* Fikéntsonana.

NASILLER, *vn.* Mikentsona.

NASILLEUR, EUSE, *s.* Mpikentsona.

NASILLONNER, *vn.* Mikentsonkentsona.

NASSE, *sf.* 1° Vovo. Pêcher à la —. *Mamovo.* 2° *fig.* Être dans la —. Toho latsaka am-bovo, mazava andro idirana fa maizina andro ivoahana.

NATAL, ALE, *adj.* Nahaterahana, nahabe. Pays —. Tany *nahaterahana,* etc. Jour —. Andro *nahaterahana.*

NATATION, *sf.* Filomanosana. École de —. Trano *filomanosana,* trano fianarana *hilomano.*

NATATOIRE, *adj.* Momba ny filomanosana. Appareil —. Zavatra entina hianarana *hilomano.* || *loc.* Vessie —. Tapoakàn-kazandrano manampy azy mba hisondrotra sy hidina.

NATIF, IVE, *adj.* 1° Teraka, zanaka. Il est — de Paris. *Teraka, zanaky* Parisy izy. 2° *fig.* Fahakely. Il n'a pas encore perdu sa candeur native. Nahatahiry ny hatsorany *fahakely* izy.

NATION, *sf.* 1° Firenena, fanjakana, vahoaka. Il a voyagé chez différentes nations. Nivahiny tamy ny *firenena* maro

izy. Chaque—a ses coutumes. Samy manana ny fanaony ny *firenena*, ny *fanjakana* rehetra. Il est français de —. *Vahoaka* frantsay izy. 2°—, *pl.* Jentily. L'apôtre des nations. Ny apostolin' ny *jentily*.

NATIONAL, ALE, *adj.* Momba ny firenena, any ny firenena, momba ny fanjakana, any ny fanjakana. Il a l'esprit —. Tia ny *fireneny*, ny *fanjakany* izy. Le pavillon —. Ny sainam-*panjakana*.

Nationaux , *sm. pl.* Ny zana-tany, ny firenena, ny vahoaka. Les nationaux et les étrangers. Ny *zana-tany* sy ny vahiny Protéger ses nationaux. Miaro ny *fireneny*, ny *vahoakany*.

NATIONALITÉ, *sf.* Firenena nihaviana, vahoaka, ny mahafirenena. Quelle est sa —? *Firenena* inona no *nihaviany*, *vahoaka* inona izy ? Leur — survécut à leur indépendance. Na dia tsy nahaleo tena intsony aza izy ireo, dia mbola nitana ny *nahafirenena* azy.

NATIVITÉ, *sf.* Ny nahaterahana. La — de Jésus-Christ. Ny *nahaterahany* Jeso-Kristy.

NATTE, *sf.* Tsihy. —fine sur laquelle on dort. *Tsihy* hisatra fandriana. — de deux lés. *Tsihy* vitrana. —solide faite avec l'écorce du *zozoro*. *Tsihy* rindra.

—, *sm.* Foto-nato, nato.

NATTER, *va.* 1° Mandrary. —du jonc. *Mandrary* hazondrano. 2°—, Manisy tsihy, manemitra tsihy. — un plancher. *Manisy tsihy* amy ny ngorodona. — les murailles d'une chambre. *Manemitra tsihy* ny efi-trano.

NATTIER, *sm.* Mpanao sy mpivarotra tsihy.

NATURALISATION, *sf.* Fandraisana ho isan' ny zana-tany, fahatongavana ho isan' ny zana-tany.

NATURALISER, *va.* 1° Mandray ho isan' ny zana-tany. 2°—, Manazatra amy ny tany hafa, mampaniry amy ny tany hafa. Comme ACCLIMATER. 3°—, Mampiditra. L'usage seul peut — les mots étrangers. Ny fanao hiany no *mahatafiditra* ny tenin' ny firenena hafa.

Se naturaliser, *vpr.* 1° Tonga isan' ny zana-tany. 2°—, Mihazatra amy ny tany hafa, maniry—. 3°—, Miditra, tafiditra.

NATURALISME, *sm.* Fampianaran' izay mino ny herin-javatra amin' izao tontolo izao ho fototry ny zavatra rehetra.

NATURALISTE, *sm.* Mpandinika ny momba ny biby, ny zava-maniry, ny mineraly, ny tany.

NATURE, *sf.* 1° Izao tontolo izao, ny zavatra àry rehetra. Dieu est le maître de la —. Andriamanitra no tompon' *izao tontolo izao*, tompon' *ny zavatra àry rehetra*. Il n'y a rien de meilleur dans la —. Tsy misy zavatra tsaratsara kokoa noho izany amy *ny zavatra àry rehetra*. 2°—, Fomban-javatra, toe-javatra, herin-javatra. Il aime à étudier la —. Tia ny fandinihana ny *fomban-javatra*, ny *toe-javatra* izy. L'art perfectionne la —. Ny fahaizana manalavorary ny *toe-javatra*. La peinture doit prendre la—pour guide. Ny mpanoso-doko tsy maintsy hanao araka ny *toe-javatra*. La — est admirable jusque dans ses moindres ouvrages. Mahagaga ny ateraky ny *herin-javatra* na dia amy ny zavatra madinika aza. 3°—, Toetra, fomba, natora, ny maha.... La —humaine. Ny *toetrantsika*, ny *fombantsika*, ny *natorantsika* olombelona, ny *maha*-olombelona antsika. La — divine. Ny *fomban'* Andriamanitra, ny *maha*-Andriamanitra azy. Chaque être a sa —. Samy manana ny *toetrany*, ny *fombany*, ny *maha*-izy azy ny zavatra rehetra. La — de l'âme est de penser. Ny mihevitra no *fomban'* ny fanahy. Chaque animal obéit à sa —. Samy manaraka ny *fombany* ny biby rehetra. 4°—, Aina, toe-batana, saina, fo, fanahy, toe-panahy. La — commence à s'affaiblir en lui. Mihareraka ny *ainy*. Il y a des natures plus maladives que les autres. Araka ny *toe-batana* dia misy olona farofy kokoa noho ny sasany. Ce crime fait frémir la —. Mahatsiravina ny *saina* izany heloka izany. La — nous donne les premières notions du juste et de l'injuste. Ny *saina* mampahafantatra antsika ny fotopototry ny marina sy ny tsy marina. Abraham, en sacrifiant son fils, imposa silence à la —. Raha hanao sorona ny zanany Abrahama, dia naniudry ny *fony*. Il a une — douce. Malemy *fanahy* izy. Il est enclin de sa — à la colère. Araka ny *toe-panahiny* mora tezitra izy. 5°—, Karazana. Je n'ai point vu d'arbres de cette —. Tsy mbola nahita hazo mitovy *karazana* amin' io aho. ‖ *loc.* Payer en —. Manakalo. On lui a ordonné de me restituer mes meubles en —. Nodidiana mba hanolo ny fanako tov ny teo izy.

NATUREL, ELLE, *adj.* 1° Momba an' izao tontolo izao, momba ny zavatra



ary rehetra, avy amy ny zavatra noharina. La physique a pour objet les corps naturels. Ny fizika mandinika ny tenanjavatra amin' *izao tontolo izao*. Les miracles sont des effets produits par la volonté de Dieu, et non par des causes naturelles. Ny fahagagana avy amy ny sitra-pon' Andriamanitra, fa tsy avy amim-*javatra noharina* na inona na inona. ‖ *loc.* Histoire naturelle. Fahaizana momba ny biby, ny zava-maniry, ny mineraly, ny tany. Enfant —. Zazasary, zana-dranitra. 2° —, Araka ny toetra, araka ny fomba, fomba, araka ny saina, etc. La défense est de droit —. Rariny *araka ny toetrantsika* ny miaro tena. Nous avons un désir — d'être heureux. *Toetrantsika, fombantsika* ny maniry ho sambatra. La férocité naturelle du lion. Ny fahasiahana *fomban'* ny liona. Selon les lumières naturelles. Araka ny fantatry ny *saintsika* olombelona. Il est — de se confier à ses amis. *Fomba* ny matoky sakaiza. C'est un principe de la loi naturelle. Foto-kevitry ny lalána izay ao anatin' ny *saintsika* olombelona izany. 3° —, Marina, tsy ankosoka, tena. Sa gaieté n'est pas naturelle. Tsy *marina, ankosoka* ny hafaliany. Vin —. Divay *tsy ankosoka, tena* divay. 4° —, Zatra, fanao, tsotra. Il lui est — de marcher vite. *Zatra* mandeha faingana izy, *fanaony* ny mandeha faingana. Sa démarche est naturelle. *Tsotra* ny fandehany. Son langage n'est pas —. Tsy *tsotra* ny fiteniny.

NATUREL, *sm.* 1° Zana-tany. 2° —, Toetra, fomba, fanahy. Il est d'un — jaloux. *Toetrany, fombany* ny mialona. Le — de l'homme est d'être sociable. *Fomban'*ny olombelona ny mety hiaramikambana. Il est d'un — doux. Malemy *fanahy* izy. 3° —, Fahatsorana. Il n'a pas de — dans le langage. Tsy *tsotra* ny fiteniny.

Au naturel, *loc. adv.* Araka ny toetra. Cette figure le représente au —. Mampiseho azy *araka ny toetrany* izany sary izany.

NATURELLEMENT, *adv.* 1° Avy amy ny zavatra noharina. Cela ne peut pas se faire —. Tsy vitan'*ny zavatra noharina* izany. 2° —, Araka ny toetra, araka ny fomba. Il est — brave. *Toetrany, fombany* ny mahery fo. Il contrefait tout le monde fort —. Mianatra ny olon-drehetra *araka ny toetrany* tokoa izy. 3° —, Mora, tsotra. Cela s'explique —. *Mora* hita ny fototr'izany. Il parle —. Miteny *tsotra* izy. 4° —, Ho azy. Cette fleur croît —. Maniry *ho azy* izany voninkazo izany. Cela ne peut être arrivé —. Tsy azo heverina fa tonga *ho azy* izany.

NAUFRAGE, *sm.* 1° Faharendrehana. Le navire s'entr'ouvrit, et l'on ne put rien sauver du —. Vaky ny sambo, ka tsy nisy na inona na inona voavonjy tamy ny *naharendrehany*. Le navire a fait —. *Rendrika* ny sambo. 2° *fig.* Faharerozana, loza. Son honneur a fait —. *Very* ny voninahiny. Cette maison, voilà ce qu'il a pu sauver du —. Io trano io hiany no sisa tamin' izany *loza* izany. ‖ *loc.* Faire — au port. Diso fanantenana; manao boka nita rano, tafita vao maty.

NAUFRAGÉ, ÉE, *adj.* et *s.* Rendrika.

NAUSÉABOND, ONDE, *adj.* Mampaivivy, mampaloiloy, mampilebolebo, mampisalebolebo, mahamonamonaina, mahadimpoana, mahadiboka, mahafenofeno. Remède —. Fanafody *mampaivivy, mampaloiloy, mampilebolebo, mampisalebolebo, mahamonamonaina*. Odeur nauséabonde. Fofona *mahamonamonaina, mahadimpoana, mahadiboka, mahafenofeno*.

NAUSÉE, *sf.* 1° Faivivy, faloiloy, filebolebo, fisalebolebo. J'ai des nausées. *Maivivy, maloiloy*, salosonina aho, *milebolebo, misalebolebo* ny ambavafóko. 2° *fig.* Hamonamonaina, fahabobohana, hadikidiky.

NAUTIQUE, *adj.* Momba ny fandehanana an-tsambo, — ny fitondran-tsambo. Art —. Fahaizana *mitondra sambo*.

NAUTONNIER, IÈRE, *s.* Mpitondra sambo, — lakana.

NAVAL, ALE, *adj.* Momba ny sambo mpiady, ambonin' ny ranomasina. Armée navale. Miaramila *an-tsambo*. Combat —. Ady *ambonin' ny ranomasina*.

NAVET, *sm.* Navé.

NAVETTE, *sf.* 1° Fitoeran' emboka fanao ao an-trano leglizy. 2° —, Famahanantenona. 3° *fig.* Faire la —. Mivezivezy.

NAVIGABLE, *adj.* Azon' ny sambo aleha. Rivière —. Renirano *azon' ny sambo aleha*.

NAVIGATEUR, *sm.* Mpandeha an-tsambo, mpitondra sambo. — infatigable. *Mpandeha an-tsambo*, etc., tsy mety sasatra.

—, *adj. m.* Tia dia an-tsambo. Peuple—. Vahoaka *tia dia an-tsambo.*

NAVIGATION, *sf.* Fandehanana an-tsambo, fitondran-tsambo. La—est facile sur cette mer. Mora ny *mandeha an-tsambo* amin' izany ranomasina izany. Canal de—. Lakan-drano *azon' ny sambo aleha.* Il a écrit un livre sur la—. Namorona boky momba ny *fitondran-tsambo* izy.

NAVIGUER, *vn.* Mandeha an-tsambo, mitondra sambo.

NAVIRE, *sm.* Sambo. —marchand. *Sambo* mpivarotra.

NAVRANT, ANTE, *adj.* Mampalahelo mafy, mampahoriory. Histoire navrante. Tantara *mampalahelo mafy,* etc.

NAVRER, *va.* Mampalahelo mafy, mampahoriory. J'en ai le cœur navré. *Malahelo mafy, oriory* ny foko noho izany.

NE, *adv.* de *nég.* Tsy, aza. Il—sait ce qu'il dit. *Tsy* fantany izay lazainy. Il — boit que de l'eau. *Tsy* misotro afa-tsy rano izy, rano hiany no sotroiny. Il n'a pas dit un mot. *Tsy* nilaza na inona na inona izy. N'avez-vous pas été là? Moa *tsy* tao hianao? Heureux qui n'a ni dettes ni procès. Sambatra izay *tsy* arahin-trosa sy *tsy* arahim-bezovezo. N'approchez pas. *Aza* manatona. || *loc.* Je crains qu'il — meure. Matahotra aho sao maty izy. Prenez garde qu'on — vous séduise. Tandremo sao voangoly hianao. Il est plus riche qu'on — croit. Manan-karena kokoa noho izay iheverana azy izy.

NÉ, ÉE, *p.* et *adj.* Teraka, taranaka, zanaka. Enfant nouvellement —, nouveau —. Zaza vao *teraka.* Aveugle —. Olona *teraka* jamba, olona jamba hatrany an-kibo. Il est — de parents illustres. *Taranak'* olo-malaza izy. Il est —de parents riches. *Zanak'* olona mpanan-karena izy. || *loc.* Premier —. Lahimatoa. Il est — français. Vahoaka frantsay hatry ny fony kely izy. Il est — avec un esprit turbulent. Tia ady hatry ny fony kely izy. Il est — peintre. Lahatra ho azy ny hahay manoso-doko. Il est — pour la guerre. Lahatra ho azy ny hahery an'ady. C'est un jeune homme bien —. Tovolahy tsara mpianakavy, tsara fanahy izy. Il est l'ennemi — des talents. Mpankahala ny olo-mahay zavatra izy. Voy. NAITRE.

NÉANMOINS, *adv.* Kanefa, nefa, kanjo. Comme CEPENDANT.

NÉANT, *sm.* 1° Tsinontsinona. Dieu a tiré toutes choses du —. Andriamanitra namoaka ny zavatra rehetra tamy ny *tsinontsinona.* Il peut les réduire au —. Mahatonga azy ho *tsinontsinona* izy, azony levonina indray izany. 2°—, Hatsinontsinona. Le — des grandeurs humaines. Ny *hatsinontsinon'* ny vouinahitr' izao tiainana izao.

NÉBULEUX, EUSE, *adj.* 1° Manjombona, manjavozavo. Temps —. Andro *manjombona.* Les étoiles nébuleuses. Ny kintana *manjavozavo.* 2° *fig.* Manjombona, mampiseho ahiahy, maizimaizina. Il a un visage —. *Manjombona* ny endriny, *miseho* amy ny tarehiny fa manana *ahiahy* izy. Style —. Laha-teny *maizimaizina.*

—, *sf.* Kintana manjavozavo.

NÉCESSAIRE, *adj.* Ilaina indrindra, tsy maintsy, ilaina. L'air est — à la vie. *Ilaina indrindra* mba hiainana ny rivotra. Cette personne m'est —. *Ilaiko indrindra* io olona io. Le soleil est la cause — du jour. Ny masoandro no *ilaina indrindra* mba hanazava ny andro. Il est — d'être sage. *Tsy maintsy* ho hendry. Il n'est pas — de dire cela. Tsy *ilaina* ny milaza izany.

—, *sm.* 1° Ny ilaina indrindra, ny ilaina. Il n'est pas riche, mais il a le —. Tsy manan-karena izy, fa manana ny *ilaina.* || *loc.* Faire le —. Mihenin-kenina sy mihambo ho foto-draharaha. 2°—, Vata kely fasiana fanaka madinidinika.

NÉCESSAIREMENT, *adv.* Ilaina indrindra, tsy maintsy, ilaina. Il faut — dormir. *Ilaina indrindra* ny torimaso, *tsy maintsy* hatory. Quand le soleil luit, il fait—jour. Rahefa miseho ny masoandro, *tsy maintsy* hazava ny andro.

NÉCESSITÉ, *sf.* 1° Ny ilaina indrindra, ny tsy maintsy, zavatra tsy azo avela, ny ilaina. C'est une —de manger. *Ilaina indrindra* ny mihinana, *tsy maintsy* mihinana. C'est une — de mourir. *Tsy maintsy* ho faty. Les nécessités de la nature. Ny *zavatra tsy azon'* ny olombelona *avela.* Le pain est une chose de première —. Zavatra *ilaina* indrindra ny mofo. 2°—, Zavatra tsy azo ialana, fahaterena, hery. Il faut se soumettre à la—. Tsy maintsy hoekena ny *zavatra tsy azo ialana.* Faire de — vertu. Manao an-tsitra-po ny *zavatra tsy azo ialana.* Il fait la guerre par —. *Tery* mba hiady izy. — n'a point de loi. Izay *tery* tsy azon-

dalina. En cas de —. An-*katerena*, ankamehana. On lui tenait le poignard à la gorge, ce lui fut une — de signer cet acte. Nambanana ny lefom-pohy izy, ka *tery*, *hery* nanisy sonia izany fanekena izany. 3°—, Fahantrana. Il est réduit à la dernière —. Efa mby amy ny fara *fahantrana* izy.

Par nécessité, *loc. adv.* Noho ny fahaterena, noho ny fahaporitana. Il a vendu sa montre par—. Nivarotra ny famantaranandrony *noho ny fahaterena*, etc., izy.

NÉCESSITER, *va.* Mila indrindra, tsy maintsy. Cette affaire nécessite votre intervention. *Ilaina indrindra* ny itsangananao ho elanelana amin' izany raharaha izany, *tsy maintsy* ho elanelana amin' izany raharaha izany hianao.

NÉCESSITEUX, EUSE, *adj.* et *s.* Mahantra, malahelo.

NEC PLUS ULTRÀ, *sm.* Fara. Sa conduite est le— de la fourberie. *Fara* fihatsarambelatsihy ny fitondran-tenany.

NÉCROLOGE, *sm.* 1° Rejistry ny maty. 2°—, Tantaran' ny olo-malaza vao maty.

NÉCROLOGIE, *sf.* Tantaran' ny olo-malaza vao maty.

NÉCROLOGIQUE, *adj.* Momba ny olo-malaza vao maty. Notice —. Tantaran' *ny olo-malaza vao maty.*

NÉCROMANCIE, *sf.* Fiantsoana ny maty, famohazana angatra.

NÉCROMANCIEN, IENNE, *s.* Mpiantso ny maty, mpamoha angatra.

NECTAR, *sm.* 1° Fisotro tsara dia tsara. 2° *fig.* Le — de la treille. Ny divay.

NEF, *sf.* Ny aty trano amy ny trano leglizy. La grande — d'une église. *Ny aty trano* afovoany *amy ny trano leglizy* anankiray. Les nefs latérales. *Ny aty trano amy ny* ila roan' ny *trano leglizy.*

NÉFASTE, *adj.* Ratsy, mahery, fadína. Jours néfastes. Andro *ratsy*, etc.

NÉGATIF, IVE, *adj.* Milaza fandávana, misy fandávana. Proposition négative. Fehezan-teny *milaza fandávana.* Particule négative. Teny *misy fandávana.*

—, *sf.* Fehezan-teny milaza fandávana, fandávana, la. Soutenir la négative. *Mandá.* Il est fort sur la négative. Mahery *mandá*, mafy *la* izy.

NÉGATION, *sf.* 1° Fandávana. 2° —, Teny misy fandávana.

NÉGATIVEMENT, *adv.* Amim-pandávana. Répondre —. *Mandá.*

NÉGLIGÉ, ÉE, *p.* et *adj.* Natao tsirambina, natao be fahatany, tsy notandremana, tsy noahina.

—, *sm.* Fitafiana tsotsotra.

NÉGLIGEMMENT, *adv.* Tsirambina, be fahatany, tsy amim-pitandremana, amim-pahalainana, tsotsotra. S'habiller —. Mitafy *tsotsotra.*

NÉGLIGENCE, *sf.* Fanaovana tsirambina, fitsirambindrambina, fahalainana.

NÉGLIGENT, ENTE, *adj.* et *s.* Manao tsirambina, mitsirambindrambina, manao be fahatany, tsy mitandrina, tsy manahy, malaina. Il est — en tout. *Manao tsirambina*, etc., amy ny zavatra rehetra izy.

NÉGLIGER, *va.* Manao tsirambina, mitsirambindrambina, manao be fahatany, tsy mitandrina, tsy manahy, malaina. Il néglige son salut. *Manao tsirambina, tsy mitandrina, tsy manahy* ny famonjeny izy. Il néglige ses études. *Manao tsirambina, manao be fahatany, tsy mitandrina, tsy manahy* ny fianarany izy, *mitsirambindrambina, malaina* amy ny fianarany izy. Il néglige son style. *Manao tsirambina, tsy mitandrina* ny fandaha-teniny izy. Il néglige les moyens de se faire des amis. *Tsy mitandrina, tsy manahy* izay hahazoana sakaiza izy. Il néglige sa famille. *Tsy manahy* ny fianakaviany izy. ‖ *loc.* — l'occasion. Tsy manararaotra.

Se négliger, *vpr.* 1° Tsy mahakajakaja tena. 2°—, Manao tsirambina, mitsirambindrambina, manao be fahatany, tsy mitandrina, tsy manahy, malaina.

NÉGOCE, *sm.* 1° Fivarotana, varotra, fandrantoana. Il s'est mis dans le —. Tonga *mpivarotra* izy. Le — ne va plus comme autrefois. Tsy mahomby tahaka ny taloha intsony ny *varotra.* Voy. COMMERCE. 2°—, Raharaha, zavatra. Il fait un vilain —. Manao *raharaha*, etc., mahamenatra izy.

NÉGOCIABLE, *adj.* Azo amidy, azo atakalo.

NÉGOCIANT, *sm.* Mpivarotra ambongadiny.

NÉGOCIATEUR, TRICE, *s.* Mpiraharaha, mpandamina, mpanamboatra.

NÉGOCIATION, *sf.* 1° Firaharahana, fandaminana, fanamboarana. 2°—, Raharaha. On l'a chargé d'une — impor-

tante. Nampiandraiko'ina *raharaha* be vava izy. 3°—, Fivarotana, fanakalozana.

NÉGOCIER, *vn.* Mivarotra am-bongadiny. —en soie. *Mivarotra* lasoa *ambongadiny.*

—, *va.* 1° Miraharaha, mandamina, manamboatra. — un traité. *Miraharaha, mandamina* fanekem-pihavanana. — un mariage. *Miraharaha, manamboatra* fanambadiana. 2°—, Mivarotra, manakalo. — un billet. *Mivarotra,* etc., taratasy vola.

Se négocier, *vpr.* Amidy, atakalo.

NÉGRE, NÉGRESSE, *s.* 1° Olona mainty hoditra. La traite des nègres est abolie. Tsy azo avarina intsony ny *olona mainty hoditra.* 2°—, Andevo. — marron. *Andevo* nilefa. Travailler comme un —. Miasa hoatra ny *andevo,* miasa miantonto-maty.

NÉGRIER, *adj.* et *sm.* Sambo mpitondra sambotra.

NÉGRILLON, ONNE, *s.* Mbika kely.

NEIGE, *sf.* Oram-panala.

NEIGER, *v. imp.* Manoram-panala. Il neige. *Manoram-panala* ny andro.

NEIGEUX, EUSE, *adj.* Be oram-panala. Temps —. Andro *be oram-panala.* Montagnes neigeuses. Tendrombohitra *be oram-panala.*

NÉNUFAR ou **NÉNUPHAR,** *sm.* Tatamo, voahirana. La fleur du —. Ny vonin-*tatamo,* vonim-*boahirana,* vonitsiazonafo.

NÉOLOGIE, *sf.* Famoronana teny vaovao.

NÉOLOGISME, *sm.* Fitiavana teny vaovao, teny vaovao.

NÉOLOGUE, *sm.* Olona tia teny vaovao.

NÉOPHYTE, *s.* Olona vao vita batemy.

NÉPHRÉTIQUE, *adj.* Ao amy ny valahana. Colique —. Aretim-*balahana,* angatra.

—, *sf.* Aretim-balahana, angatra.

—, *sm.* 1° Marary valahana, mararin' ny angatra. 2°—, Fanafodim-balahana, ody angatra.

NÉPOTISME, *sm.* Fiangarana ataon' ny mpanao raharaha mba hampandroso ny havany.

NERF, *sm.* 1° Hozatra, hoza-be, tady. Le cerveau est le principe des nerfs. Ny ati-doha no ihaonan' ny *hozatra.* Le — du jarret. Ny *hoza-be* ao amy ny leferana. Le — du cou. Ny *tadim*-bozona. 2°—, Vabim-boky. 3° *fig.* Tanjaka, hery. Il a du —. *Matanjaka* izy, L'argent est le — de la guerre. Ny vola no *tanjaky* ny ady. Ce style manque de —. Tsy misy *heriny* izany laha-teny izany.

NERVEUX, EUSE, *adj.* 1° Momba ny hozatra. Maladie nerveuse. Aretin-*hozatra.* 2° —, Be hozatra, hozatina. Viande nerveuse. Nofon-kena *be hozatra,* etc. 3° *fig.* Matanjaka, hozatina, henjana, tomady, misy hery. C'est un petit homme —. Olona fohy sady *matanjaka, hozatina, henjana* izy, fonotana izy. Il a des bras —. *Hozatina, tomady* ny sandriny.

NERVURE, *sf.* 1° Vanditra. La — d'un livre. Ny *vanditra* amy ny boky. 2°—, Filiro. Les nervures d'une voûte. Ny *filiron*'andohalambo amy ny aty trano. 3°—, Kira. Feuille a deux nervures. Ravin-kazo misy *kira* roa.

NET, NETTE, *adj.* 1° Madio. Vaisselle nette. Lovia *madio.* Le vin est—. *Madio* ny divay. Ce riz est—. *Madio* izany vary izany. Ce miroir n'est pas—. Tsy *madio* izany fitaratra izany. 2° —, Mazava. Cette écriture est nette. *Mazava* izany soratra izany. Voix nette. Feo *mazava.* Il a la vue nette. Mahita *mazava,* mahiratra izy. 3° *fig.* Afa-karatsaka, mazava, mahitsy, madio. Il a un revenu — de mille piastres. Nahazo ariary arivo ho tombom-barotra *afa-karatsaka* izy. Réponse nette. Valin-teny *mazava.* Sa conduite est nette. *Mahitsy* ny ataony. Il a la conscience nette. *Madio* ny fieritreretany. Il a les mains nettes. *Madio* ny nataony. Je veux en avoir le cœur —. Tsy maintsy *hohazavaiko* izany.

—, *sm.* Mettre au —. Manadio. Mettre au — un écrit. *Manadio* soratra.

—, *adv.* 1° Mazava, tsotra, mihitsy loha. Parler —. Miteny *mazava,* etc. Entendre —. Mandré *mazava.* 2° —, Terý. Ce bois s'est cassé — comme un verre. Hentitra hoatra ny fitaratra *terý* io hazo io.

NETTEMENT, *adv.* Mazava, tsotra, mihitsy loha. Il s'est expliqué —. Nilaza *mazava* ny heviny izy. Il a parlé —. Niteny *mazava,* etc., izy.

NETTETÉ, *sf.* 1° Hadio. 2° —, Hazava. 3° *fig.* Hazava, hahitsy, hadio. Son style est d'une — admirable. Mahagaga ny *hazava, hahitsin'* ny laha-teniny.

NETTOIEMENT ou **NETTOYAGE,** *sm.* Fanadiovana.

NETTOYER, *va.* 1° Manadio, mamotsy. —les verres. *Manadio* gilasy. —une maison. *Manadio* trano. — un fusil. *Mamotsy* basy. 2° *fig.* Manadio, mandroaka. Les voleurs ont nettoyé la maison. Nataon' ny mpangalatra *nadio*, nafafa ny entana tao an-trano. — la mer de corsaires. *Mandroaka* ny jiolahin-tsambo eny ambony ranomasina.

Se nettoyer, *vpr.* Manadio tena, midio.

NEUF, *adj. num.* 1° Sivy. — fois. *Intsivy.* — jours. *Hasiviana.* Il y a — jours qu'il est parti. *Hasiviana* andro no nialany. Partagez cette pomme en —. *Sivio* io poma io. Elle est partagée en—. *Voasivy, nosivina, misivy* izy. 2°—, Fahasivy. Chapitre—. Toko *fahasivy.*

—, *sm.* Sivy. Il est arrivé le— décembre. Tonga tamy ny *sivy* desembra izy.

NEUF, NEUVE, *adj.* 1° Vaovao, vao. Habit—. Akanjo *vaovao, vao.* Terre neuve. Tany *vao.* Expression neuve. Fombam-pitenenana *vaovao.* Voilà une chose toute neuve pour moi. *Vaovao* amiko loatra izany. 2°—, Tsy sasatra. Cheval—. Soavaly *tsy sasatra.* 3°—, Zazavao, mpanavao. Il est — dans ce métier. Mbola *zazavao,* etc., amin' izany raharaha izany izy.

—, *sm.* Vaovao, zava-baovao. Il y a du—. Misy *vaovao,* etc.

À neuf, *loc. adv.* Vaovao. Le bâtiment a été remis à—. *Nohavaozina* indray ny sambo.

NEUTRALISATION, *sf.* Fanafoanana.

NEUTRALISER, *va.* Mahafoana, manafoana. Il neutralise mes efforts. *Mahafoana* ny fikelezana aina ataoko izy.

Se neutraliser, *vpr.* Mifanafoana.

NEUTRALITÉ, *sf.* Fievanevana, fialanalana. Il garde la—. *Mievanevana, mialanalana* izy.

NEUTRE, *adj.* 1° Evanevana, mievanevana, mialanalana. Ce prince reste —. *Evanevana,* etc., izany mpanjaka izany. Territoire—. *Evanevan*-tany. 2°—, Tsy mamindra. Verbe—. Verba *tsy mamindra.*

NEUVAINE, *sf.* Fivavahana atao mandritra ny hasivian' andro.

NEUVIÈME, *adj.* Fahasivy. C'est la— personne que je vois. Izy no *fahasivin'* ny olona izay hitako. Faire quelque chose pour la — fois. *Manintsivy.* Pour la — fois. *Fanintsiviny.*

—, *sm.* Ny ampahasiviny. Les deux neuvièmes. Ny roa *ampahasiviny.*

NEUVIÈMEMENT, *adv.* Fahasivy.

NEVEU, *sm.* 1° Zanakalahin' ny rahalahy,— ny anadahy,— ny rahavavy,— ny anabavy. 2°—, *pl.* Nos neveux, nos arrière-neveux. Ny taranaka any aoriana any.

NÉVRALGIE, *sf.* Aretin-kozatra ma nombotrombotra.

NÉVROSE, *sf.* Aretin-kozatra.

NEZ, *sm.* 1° Orona. Il a le — fin. Matsilo, malady *orona* izy. Il saigne du—. Mandeha ran' *orona* izy. 2° *fig.* Il a eu bon — de ne pas se mêler de cette affaire. Nahira-tsaina mihitsy izy, ka tsy nisisika tamin' izany raharaha izany. Tirer les vers du—à quelqu'un. Mangaroka olona. Ne pas voir plus loin que son—. Marivo salosina, tsy mitsapa ny ho farany. Mettre le — dans une affaire. Manomboka, mandinika raharaha. Mettre son—partout. Misisika amy ny raharaha rehetra. Mener quelqu'un par le —. Mampanaraka ambokony olona. Il n'ose montrer son —. Tsy sahy miseho izy. Il lui a soutenu cela à son —. Sahy nilaza izany teo imasony izy. Rire au — de quelqu'un. Mananihany olona.

NI, *conj.* Na. Il ne boit—ne mange. Tsy misotro *na* mihinana izy.

NIABLE, *adj.* Azo lavina.

NIAIS, AISE, *adj.* et *s.* Adaladala, ketrina, zanakalo, mitandrantandrana. Il est encore tout —. Mbola *adaladala,* etc., loatra izy. Il a l'air —. *Mitandrantandrana* izy.

NIAISEMENT, *adv.* Amin-kadalana. Il parle —. Miteny *amin-kadalana* izy, mandrotsadrotsaka, mitahontahona izy raha miteny.

NIAISER, *vn.* Mivoatr' adala, milalao amy ny zavatra tsinontsinona.

NIAISERIE, *sf.* 1° Zavatra tsinontsinona. Il ne dit que des niaiseries. Tsy milaza afa-tsy *zavatra tsinontsinona* izy. 2°—, Hadalana, haketrenana. Il est d'une grande —. *Adaladala, ketrina* loatra izy.

NICHE, *sf.* 1° Lesoka amy ny rindrina fametrahan-tsariolona. 2°—, Vosobosotra, sangisangy.

NICHÉE, *sf.* 1° Zana-borona mbola ao anaty akaniny. Il a pris la mère et toute la —. Nisambotra ny reniny sy ny *zanany mbola ao anaty akaniny* izy. Une — de souris. *Zana*-totozy *mbola ao anaty tranony.*

NICHER, *vn.* Manao akany, — trano, — bongo.

—, *va*. Mametraka, manitrika. Où a-t-il niché son livre? Taiza no *nametrahany, nanitrihany* ny bokiny?

Se nicher, *vpr*. Mipetraka, misitrika. Le chat s'est niché dans l'armoire. *Nisitrika* tao anaty lalomoara ny saka.

NICHOIR, *sm*. Fikotrehana.

NICKEL, *sm*. Karaza-metaly, nikela.

NICOTINE, *sf*. Poizina avy amy ny paraky.

NID, *sm*. 1° Akany, trano, bongo. Les petits sont hors du —. Nilaozan' ny zana-borona ny *akaniny*, ny *tranony*.— de caille. *Tranom*-papelika. — de rats. *Bongom*-boalavo. 2° *fig*. Il a trouvé un bon —. Nahazo toerana tsara izy. Petit à petit l'oiseau fait son —. Landy ka antrano vao manatevina. C'est un — à rats. Tena bongom-boalavo io trano io.

NIÈCE, *sf*. Zanakavavin' ny rahalahy,— ny anadahy, — ny rahavavy, — ny anabavy.

NIELLE, *sf*. Karazan' ahi-dratsy.

NIER, *va*. Mandà. C'est une vérité qu'on ne peut —. Zavatra marina tsy azo *lavina* izany. — une dette. *Mandà* trosa.

Se nier, *vpr*. Lavina. Ce fait peut se —. Azo *lavina* izany zavatra niseho izany.

NIGAUD, AUDE, *adj*. et *s*. Adala, bakakan' olona, ketrina, zanakalondrano, tonendrina, dondrina, taraiky.

NIGAUDER, *vn*. Mivoatr' adala, milalao amy ny zavatra tsinontsinona.

NIGAUDERIE, *sf*. Hadalana, haketrenana.

NIMBE, *sm*. Avana ataon'ny mpanaosary manodidina ny lohan' ny Olo-masina.

NIPPE, *sf*. Fihaingoana.

NIPPER, *va*. Manome fihaingoana.

Se nipper, *vpr*. Mamonona fihaingoana.

NIQUE, *sf*. Fanesoana, fanaovana tsinontsinona, fanamavoana. Faire la —. *Maneso, manao tsinontsinona, manamavo*.

NITOUCHE (SAINTE), *sf*. Olona mody maotona, — mody hendry.

NITRATE, *sm*. Nitrata. — d'argent. *Nitratan*'ny volafotsy, vato fandoroana.

NITRE, *sm*. Naitrara.

NIVEAU, *sm* Levina, fandanjana.— d'eau. *Levina*. Mesurer avec le—. Mandanja amy ny *levina*, mitsapa amy ny *fandanjana*. Prendre le — d'un terrain. Mandanja tokotany amy ny *levina*, mitsapa ny hamarenan'ny tokotany amy ny *fandanjana*.

De niveau, au niveau, *loc. adv*. 1° Marina, mitovy tantana, — lenta, — rano, manao fandrin-drano, marin-drano, rano iray. Mettre de —. *Manamarina, mampitovy tantana*. La table n'est pas de —. Tsy *marina*, etc., ny latabatra. La cour n'est pas au — du jardin. Tsy *mitovy tantana* amy ny tokotany ny zariday. 2° *fig*. Mitovy. Il est au — des grands écrivains. *Mitovy* amy ny mpamorom-boky malaza izy.

NIVELER, *va*. 1° Mandanja amy ny levina, mitsapa amy ny fandanjana. 2°—, Manarina, mampitovy tantana, mandamaka. — une route. *Manarina*, etc., lalam-be, 3° *fig*. Mampitovy. — les fortunes. *Mampitovy* ny harena.

Se niveler, *vpr*. Mihamarina, arenina, tonga mitovy tantana, ampitovina tantana.

NIVELEUR, *sm*. Mpandanja amy ny levina, mpitsapa amy ny fandanjana.

NIVELLEMENT, *sm*. 1° Fandanjana amy ny levina, fitsapana amy ny fandanjana. 2°—, Fanarenana, fampitovian-tantana, fandamahana.

NOBILIAIRE, *adj*. Momba ny andriana. La caste—. Ny fokon'*ny andriana*.

NOBLE, *adj*. 1° Andriana. Il est— de père et de mère. *Andrian*-dray *andrian*-dreny izy. 2° *fig*. Miendrik' andriana, mitoetr' andriana, mendrika, lehibe. Il a l'air—. *Miendrik'andriana, mitoetr' andriana* izy. Un style—. Laha-teny *mendrika*. Il a de nobles aspirations. Maniry zavatra *lehibe* izy.

—, *s*. 1° Andriana. 2° *fig*. Ny mendrika, zavatra lehibe.

NOBLEMENT, *adv*. Amim-pahamendrehana.

NOBLESSE, *sf*. 1° Fahandrianana, fiandrianana. Il a prouvé sa—. Nanamarina ny *fahandrianany*, etc., izy. Il fait preuve de—. Manomana azy ho *andriana* izy.— oblige. Izay *andriana* tsy maintsy hanao fitondran-tenan' andriana. 2°—, Ny andriandahy rehetra. Il se tint une assemblée de la—. Nisy fivorian' *ny andriandahy rehetra*. 3° *fig*. Fahamendrehana. Il y a beaucoup de— dans son procédé. *Mendrika* tokoa ny nataony.

NOCE, *sf*. 1° Fampakaram-bady. Il vient de la—. Avy any amy ny *fampakarambady* izy. ‖ *loc*. Faire la—. Mandany andro foana. 2°—, Mpanambady. J'ai ren-

contré la—. Nifanena tamy ny *mpanambady* aho. 3°—, *pl.* Fanambadiana, mariazy. Le jour de ses noces. Tamy ny andro *nanambadiany,* tamy ny andro nanaovany *mariazy.*

NOCHER, *sm.* Mpitondra sambo, mpitondra lakana.

NOCTURNE, *adj.* Alina, tsy sahy andro. Vision—. Tsindrimandry *alina.* Oiseau—. Vorona *tsy sahy andro.* Plante —. Voninkazo tsy mivelatra afa-tsy amy ny *alina.*

NOEL, *sm.* 1° Noely, krismasy. 2°—, Hira fanao amy ny Noely.

NŒUD, *sm.* 1° Vona, fehy maty, fehy vola, singory, tady vavarana. Faire un— à un mouchoir. *Mamona* mosara. Attacher deux cordes avec un — solide. Manao *fehy maty, fehy vola* tady roa. — coulant unissant deux liens. *Singory.* — coulant qui sert à prendre les oiseaux. *Tady vavarana.* 2°—, Tonona, trongo. — de canne à sucre. *Tonompary.* Ce bois a beaucoup de nœuds. Be *tonona,* etc , ity hazo ity. 3° *fig.* — de parenté. Fihavanana. Resserrer les nœuds de l'amitié. Manamafy ny fifankatiavana. Il y a dans cette affaire un — gordien qu'il faut trancher. Misy zava-tsarotra dia sarotra tsy maintsy hohazavaina amin' izany raharaha izany. Voilà le — de l'affaire. Izao no zava-tsarotra lehibe indrindra amin'izany raharaha izany

NOIR, NOIRE, *adj.* 1° Maînty. Drap—. Lopótra *mainty.* Il a les yeux noirs. *Mainty* maso izy. Très—. *Mainty* dia mainty, ngizina. 2°—, Mangana. Il a la peau noire du coup qu'il a reçu. *Mangan'* ny kapoka ny hodiny. 3°—, Maintimainty, maizina, manjombona. Nuit noire. Alina *maintimainty, maizina.* Une chambre noire. Efi-trano *maizimaizina.* Le temps est —. *Manjombona* ny andro. 4°—, Ngerona, meromerona, ngetroka. Son linge est toujours—. *Ngerona,* etc., mandrakariva ny fitafiany. 5° *fig.* Malahelohelo, be ahiahy. Il a une humeur noire. *Malahelohelo,* etc., izy. 4°—, Lozan-tany, ratsy izaitsizy. Une noire calomnie. Fanendrikendrehana *lozantany,* etc. ‖ *loc.* Il voit tout —. Ataony ho ratsy avokoa ny zavatra rehetra. Cet homme est ma bête noire. Halako loatra io lehilahy io.

—, *sm.* 1° Ny mainty. Il s'habille de —. Miakanjo *mainty* izy. ‖ *loc.* Qui est d'un — d'ébène. Ngalingaly. — animal. Arin-taolanà. 2°—, Olona mainty hoditra. 3° *fig.* Il voit tout en —. Ataony ho ratsy avokoa ny zavatra rehetra. Broyer du —. Mandinidinika alahelo.

NOIRÂTRE, *adj.* Maintimainty, somary mainty.

NOIRAUD, AUDE, *adj.* et *s.* Mainty vasoka.

NOIRCEUR, *sf.* 1° Hamainty. La — de l'encre. Ny *hamaintin'* ny ranomainty. 2°—, Hoditoho, tandra. Il a des noirceurs au bras. Misy *hoditoho,* etc., amy ny sandriny. — poilue. *Hodi*-janakomby, *tandra* voloina. 3° *fig.* Haloza, haratsiana. La — de son crime. Ny *haloza, haratsian'* ny heloka nataony. 4° —, Zava-dratsy, fanaratsiana, fanendrikendrehana. Il m'a fait une —. *Zavadratsy* no nataony tamiko. Il a dit des noirceurs contre moi. *Nanaratsy, nanendrikendrika* ahy izy.

NOIRCIR, *va.* 1° Manamainty, mahamainty. Le charbon noircit les mains. *Manamainty,* etc., ny tánana ny arina. 2° *fig.* Manoso-potaka. — la réputation de quelqu'un. *Manoso-potaka* olona.

—, *vn.* Mihamainty, mivalomainty. La peau noircit au soleil. *Mihamainty,* etc., amy ny hainandro ny hoditra.

Se noircir, *vpr.* 1° Mihamainty, manamainty. Se — les cheveux. *Manamainty* volon-doha. 2° *fig.* Manala bara-tena. Il s'est noirci par des infamies. *Nanala bara-tena* tamy ny ratsy nataony izy.

NOIRCISSURE, *sf.* Hamainty, pentina mainty.

NOISE, *sf.* Fifandirana, fifanjihirana, ady vava. Comme Querelle.

NOISETIER, *sm.* Foto-noazety.

NOISETTE, *sf.* Noazety (voankazo).

—, *adj.* Mavomavo. Qui est de couleur —. *Mavomavo* volo.

NOIX, *sf.* 1° Noa (voankazo). 2°—, Voankazo sasany mitovitovy amy ny noa. — de coco. *Voam*-boaniho.

NOM, *sm.* 1° Anarana. Quel est son —? Iza no *anarany?* Quel est le — de cette plante? Inona no *anaran'* ity zava-maniry ity? — de baptême. *Anarana* amy ny batemy. Je ne le connais que de —. Ny *anarany* hiany no fantatro. Il a illustré son —. Nampahalaza ny *anarany* izy. Certains écrivains prennent des noms de guerre. Misy mpanoratra sasany maka *anaran*-kafa. — de religion. *Anarana* alain'izay vao milatsaka ho relijiezy.

—propre. *Anarana* any ny irery. *naona* propra. — commun. *Anarana* imbonana, *naona* komona. 2°—, Anarana, laza. Il a rempli toute la terre de son—. Nampanehoeho ny *anarany*, nampiely ny *lazany* eran'ny tany rehetra izy. Cet auteur a déjà quelque —. Manan-*daza* sahady io mpamorom-boky io. C'est un homme sans —. Tsy manan-*daza* io lehilahy io. 3°—, Firazanana. Il n'est pas riche, il n'a pour lui que son—. Tsy manan-karena izy, fa avo *razana* biany. 4°—, Atao hoe. Il est indigne du— d'ami. Tsy mendrika *hatao hoe* sakaiza izy.

Au nom de, *loc. prép.* Amy ny anarana, noho. Il a emprunté de l'argent au— de son maître. Nisambo-bola tamy ny *anaran*'ny tompony izy. Je vous demande cela au— de notre ancienne amitié. Mangataka izany aminao aho *noho* ny fifankatiavantsika hatramy ny ela.

De nom, *loc. adv.* Amy ny anarana. Il n'était roi que de —. Tsy mpanjaka afatsy *tamy ny anarany* fotsiny hiany izy, *anarana* fotsiny no naha-mpanjaka azy.

NOMADE, *adj.* et *s.* Mifindrafindra. Tribu —. Fireneua *mifindrafindra*.

NOMBRE, *sm.* 1° Isa. Les chiffres servent à écrire les nombres. Ny marika no anoratana ny *isa*. Multiplier un — par un autre. Mampitombo *isa* anankiray amy ny isa hafa. — cardinal. *Isa* tsotra. — ordinal. *Isa* milaza filaharana. —entier. *Isa* tsy vaky. — fractionnaire. *Isa* mitsipotika, fraksiona. Ils n'étaient pas alors en assez grand—. Tsy ampy ny *isan'* izy ireo tamin' izay. Il n'est là que pour faire—. *Isan'* olona fotsiny hiany izy. 2°—, Habetsahana, hamaroana. Il y avait un — considérable de personnes. *Betsaka, maro* hiany ny olona tao. Le grand — pensait ainsi. Ny *ankabetsahany*, ny *ankamaroany*, ny *ankabiazany* nihevitra toy izany.

Du nombre, au nombre, *loc. prép.* Anisa. Il est au — des hommes illustres. *Anisan'* ny olo-malaza izy. On l'a mis au — des saints. Natao *anisan'* ny olomasina izy.

En nombre, *loc. adv.* Betsaka, maro.

Sans nombre, *loc. adv.* Tsy tambo isaina, betsaka.

Nombre de fois, *loc. adv.* Imbetsaka.

NOMBRER, *va.* Manisa. Qui peut—les étoiles ? Iza no *mahisa* ny kintana ?

NOMBREUX, EUSE, *adj.* Betsaka, maro, sesehena. C'est une famille nombreuse. *Betsaka*, etc., izy mianakavy.

NOMBRIL, *sm.* Foitra.

NOMENCLATURE, *sf.* Fandaharana ny teny fanao amy ny fahaizana anankiray.

NOMINAL, ALE, *adj.* 1° Momba ny anarana. Appel—. Fiantsoana *anarana*. 2°—, Araka ny voasoratra ao anatin' ny taratasy vola, araka ny eken' ny fanjakana. La valeur nominale d'un papier-monnaie. Ny vidin' ny taratasy vola *araka ny voasoratra* ao. La valeur nominale d'une piastre Ny vidin' ny farantsa *araka ny eken' ny fanjakana*.

NOMINATIF, IVE, *adj.* Misy ny anarana. L'état — des employés. Ny rejistra *misy ny anaran'* ny mpanao raharaha.

NOMINATION, *sf.* Fanendrena.

NOMINATIVEMENT, *adv.* Amy ny anarana.

NOMMÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Natao hoe, atao hoe, nasiana anarana hoe. Ce prince a été — le père du peuple. *Natao hoe* rain' ny vahoaka izany mpanjaka izany. 2°—, Notononina anarana. 3°—, Nambara. 4°—, Voatendry, notendrena.

À point nommé, *loc. adv.* Voy. Point.

NOMMÉMENT, *adv.* Anisan' ny voatonona anarana. On accuse plusieurs personnes et — Paul. Maro no voampanga, ary Paoly no *anisan' ny voalonona anarana*.

NOMMER, *va.* 1° Manao hoe, manisy anarana. Son parrain l'a nommé Jacques. Ny rainy amy ny bateny *nanao* azy *hoe*, *nanisy anarana* azy hoe Jakoba. 2°—, Manonona anarana. Je vous nommerai plusieurs personnes. *Hanonona anarana* olona sasany aminao aho. Il y a des choses qu'on ne saurait — par leur nom. Misy zavatra sasany tsy azo *tononina anarana*. 3°—, Manambara. Nommez vos complices. *Ambarao* ny mpiray tetika aminao. 4°—, Manendry. Le roi l'a nommé gouverneur. Ny mpanjaka *nanendry* azy ho governora. Il le nomma son héritier. *Notendreny* handova azy izy.

Se nommer, *vpr.* 1° Milaza ny anarany. Vous êtes obligé de vous —. Tsy maintsy *holazainao ny anaranao*. 2°—, Misy anarana, atao hoe. Comment vous nommez-vous ? Iza no *anaranao* ? Il se nomme Pierre. Piera no *anarany*, *atao hoe* Piera izy. Comment se nomme cette place? Inona no *anaran'* itsy kianja itsy ?

NON, *adv.* de *nég.* Tsia. Viendrez-vous? —. Moa ho avy hianao? *Tsia.*

—, *sm.* Tsia. Il a répondu par un —. Izy namaly hoe *tsia.*

NON-ACTIVITÉ, *sf.* Tsy fananan-draharaha mandritra ny andro sasantsasany.

NONAGÉNAIRE, *adj.* et *s.* Mahatratra sivifolo taona.

NONCE, *sm.* Eveka irahin' ny papa ho ambasadaora.

NONCHALAMMENT, *adv.* Mitsikamokamo, mivaroraka, mitsimozimozy, mitsilamodamoka, miborerarera. Voy. MOLLEMENT.

NONCHALANCE, *sf,* Fitsikamokamo, fivaroraka, fitsimozimozy, fitsilamodamoka, fiborerarera, fidanesaka, fidarona. Il laisse ses affaires en désordre par —. Avelany hisafotofoto ny raharahany rehetra noho *fitsikamokamony.* Il marche avec —. *Midanesaka* fandeha izy. Il parle avec —. *Midarona* izy raha miteny.

NONCHALANT, ANTE, *adj.* et *s.* Tsy rototra, mitsikamokamo, mivaroraka, mitsimozimozy, miborerarera, midanesaka, midarona.

NONCIATURE, *sf.* Raharahan' ny *nonce.*

NONNE, *sf.* Masera.

NONOBSTANT, *prép.* Na dia... aza. Il s'est opiniâtré, — mes remontrances. Nikiribiby izy *na dia* nanariko *aza.*

NON PLUS, *loc. adv.* Tsy... koa. Vous ne le voulez pas, ni moi —. Raha tsy tianao izany, dia *tsy* tiako *koa.*

NON-SENS, *sm.* Zavatra tsy misy heviny. Cette phrase est un —. *Tsy misy heviny* izany fehezan-teny izany.

NON SEULEMENT, *loc. adv.* Sady... no, tsy... hiany. — je l'ai payé, mais encore je lui ai fait un présent. *Sady* naloako ny karamany *no* nomeko zavatra koa izy; *tsy* ny karamany *hiany* no naloako, fa nomeko zavatra koa izy.

NON-VALEUR, *sf.* 1° Tsy fahavokarana, hakelezan' ny vola miditra amy ny hofan-tany na trano. La — de cette terre vient de ce qu'on la néglige depuis trois ans. Ny *tsy nahavokatra* izany tany izany dia noho ny nanaovana azy be fahatany hatramy ny telo taona. Cette maison n'est jamais louée en totalité, elle est sujette à bien des non-valeurs. Tsy ary misy mpanofa avokoa ny efitra rehetra amin' io trano io, ka izany no *mahakely ny vola miditra.* 2°—, Tsy fandoavan' ny sasany trosa na hetra. Ce marchand a perdu l'année dernière dix mille francs en non-valeurs. Maty antoka ariary roa arivo io mpi varotra io taona itsý noho ny *tsy fandoavan' ny sasany ny trosany.*

NORD, *sm.* 1° Avaratra. Les pays du —. Ny tany *avaratra.* Les peuples du —. Ny firenena any *avaratra.* Aller au —. *Mianavaratra.* Au — est. Any *avaratra* atsinanana, an-joro firarazana. Au — ouest. Any *avaratra* andrefana, an-jorom-baravaran kely. 2°—, Vakin-tany avaratra. Il est du — de la France. Teraka tamy ny *vakiny* Frantsa *avaratra* izy.

NORMAL, ALE, *adj.* 1° Ho an' izay ho tonga mpampianatra. École normale. Trano fianarana *ho an' izay ho tonga mpampianatra.* 2°—, Marina, tena. Il n'est pas dans son état —. Tsy amy ny toetrany *marina* izy, tsy amy ny *tena* toetrany izy.

NOS, *pl.* de NOTRE.

NOSTALGIE, *sf.* Hanin-te-hody, alahelo ny tanin-drazana.

NOTA, *sm.* Tandremo. — bene. *Tandremo* tsara.

NOTABILITÉ, *sf.* 1° Laza, fahamboniana. 2°—, *pl.* Ny lehibebe, ny zokinjokiny, ny voalohandohany.

NOTABLE, *adj.* Malaza, be vava, lehibe, zokinjokiny, voalohandohany. Fait —. Zavatra *malaza* niseho. Perte —. Fatiantoka *be vava, lehibe.* Les personnes notables de la ville. Ny *lehibebe,* ny *zokinjokiny,* ny *voalohandohany* ao an-tanána.

—, *sm. pl.* Ny lehibebe, ny zokinjokiny, ny voalohandohany.

NOTABLEMENT, *adv.* Be. Il est — lésé dans cette affaire. Maty antoka *be* amin' izany raharaha izany izy.

NOTAIRE, *sm.* Mpanao raharahampanjakana manoratra ny fanekena samihafa.

NOTAMMENT, *adv.* Indrindra.

NOTARIAT, *sm.* Raharahan' ny *notaire.*

NOTARIÉ, ÉE, *adj.* Natao anatrehan' ny *notaire.* Acte —. Fanekena *natao anatrehan' ny notaire.*

NOTE, *sf.* 1° Marika, fivoasana. J'ai mis des notes à la marge. Nasiako *marika* ao amy ny marjiny. Cet ouvrage a été imprimé avec des notes. Nasiana *fi-*

voasana izany boky natonta izany. 2° —, Soratra fohifohy, taratasy milaza trosa. J'ai pris—de cette affaire. *Nosoratako fohifohy* izany raharaha izany. Le marchand m'a remis la — de ce que je lui dois. Ny mpivarotra nanome ahy ny *taratasy milaza* ny trosany aty amiko. 3°—, Naoty. Il connaît déjà les notes. Mahay *naoty* sahady izy.

NOTER, *va.* 1° Manisy marika. 2° —, Manoratra fohifohy. 3° —, Mitandrina, mandinika, mahatsiaro. Cela est à —. Tokony *hotandremana, hodinihina, hotsaroana* izany. 4°—, Manoratra naoty.

NOTICE, *sf.* Filazana fohifohy, tantara fohifohy. — biographique. *Tantaran'*olona *fohifohy.*

NOTIFICATION, *sf.* Fampandrenesana.

NOTIFIER, *va.* Mampandre. On fit— le traité aux ambassadeurs. *Nampandrenesina* ny fanekem-pihavanana ny ambasadaoro.

NOTION, *sf.* Fahafantarana, fahalalana, fiheverana. Selon la — que j'en ai. Araka ny *fahafantarako, fahalalako, fiheverako* izany. Je n'en ai pas la moindre—. Tsy *fantatro* velively izany.

NOTOIRE, *adj.* Fantatra miharihary, tsy takona afenina. Le fait est —. *Fantatra miharihary,* etc., izany zavatra izany.

NOTOIREMENT, *adv.* An-karihary.

NOTORIÉTÉ, *sf.* Fahafantarana miharihary. Ceci est de — publique. *Fantatry* ny be sy maro *miharihary* izany.

NOTRE, *adj. poss.* au *pl.* **Nos.** Nay, ay, ntsika (y compris ceux à qui l'on parle). — père. Rai*nay*, rai*ntsika*. — chose. Zavatra*y*, zava*tsika*.

NÔTRE, *pron. pos.* Ny anay, ny antsika. Leur famille est amie de la—. Ny fianakavian' izy iroo misakaiza amy *ny anay, ny antsika.*

—, *sm.* 1° Ny anay, ny antsika. Le vôtre et le—. Ny anao sy *ny anay.* || *loc.* N'y mettons rien du—. Aoka tsy hanampy na inona na inona amin' izany tantara izany isika. 2°—, *pl.* Ny ankohonanay, — ntsika, ny namanay, — ntsika. Nous et les nôtres. Izahay sy *ny ankohonanay.* Celui-là est-il des nôtres? Moa *namantsika* io?

NOTRE-DAME, *sf.* 1° Tompovavintsika. 2°—, Trano legilizy natokana ho any Masina Mary.

NOUÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Voavona, mivona, natao fehy maty, —fehy vola, —singory. 2° *fig.* Hetry, botry, vatokely. Cet enfant est—. *Hetry,* etc., io zaza kely io.

NOUER, *va.* 1° Mamona, mamehy, manao fehy maty, —fehy vola, —singory. —un ruban. *Mamona, mamehy* ribà. —de l'argent dans le coin d'un mouchoir. *Mamona vola* amy ny zoron' ny mosara. — fortement deux cordes. *Manao fehy maty, fehy vola* ny tady roa. —les liens d'un petit paquet avec un nœud coulant. *Manao singory* amy ny kofehin'entana madinika. 2° *fig.* Mifanaiky, mamorona. —une partie de plaisir. *Mifanaiky* hilalao. —une intrigue. *Mamorona* saindratsy.

—, *vn.* Mby am-boany. Les pommes ne nouent pas encore. Tsy mbola *mby amboany* ny poma.

Se nouer, *vpr.* 1° Mby am-boany. 2°—, Mihahetry, mihabotry, mihavatokely. Cet enfant se noue. *Mihahetry,* etc., io zaza kely io.

NOUEUX, EUSE, *adj.* Tonontononana, be tonona. Bois—. Hazo *tonontononana,* etc.

NOUGAT, *sm.* Karaza-mofo mamy.

NOURRI, IE, *p.* et *adj.* 1° Novelomina, velomina, mahazo fivelomana, matanjaka, feno, matavy. Ce blé est bien—. *Feno* tsara ity varim-bazaha ity. Cette lettre est bien nourrie. *Matavy* ity litera ity. 2°—. Voafahana, nofahanana, nompiana, ompiana. 3°—, Nampinonoina. 4° *fig.* Nampianarina, mahay, feno, voatahiry, notahirizina. Un ouvrage— de pensées. Boky *feno* hevitra marina.

NOURRICE, *sf.* 1° Mpitaiza mampinono. Elle a mis son enfant en—. Nomeny *hampinonoin'* ny *mpitaiza* anankiray ny zanany. 2°—, Mpampinono. Elle a été la — de tous ses enfants. Izy no *nampinono* ny zanany rehetra.

NOURRICIER, IÈRE, *adj.* Mamelona, mahatanjaka, mampaniry. Cet aliment renferme beaucoup de substance nourricière. Misy zavatra betsaka *mamelona, mahatanjaka* ao amin' izany hanim-pihinana izany. La sève nourricière. Ny ranon-kazo *mamelona, mampaniry* ny hazo.

—, *adj.* et *sm.* Mpitaiza. Père —. Ray *mpitaiza.*

NOURRIR, *va.* 1° Mamelona, ivelomana, mahatanjaka, mampaniry. Le riz sert à — l'homme. Ny vary no *mamelona* ny olona, no *iveloman'* ny olona. Dieu a créé les fruits pour — l'homme. Andriamanitra nahary ny voankazo mba *hiveloman'* ny olona. Sa ferme le nourrit. Ny sahany no *ivelomany.* Le pain nourrit beaucoup. *Mahatanjaka* tsara ny mofo. La bonne terre nourrit les arbres. Ny tany lonaka *mampaniry* ny hazo. 2° —, Mamelona, mamahana, mitaiza, miompy. Il nourrit plusieurs pauvres. *Mamelona, mamahana, mitaiza* mahantra maro izy. Elle nourrit des poulets. *Mamelona, mamahana, miompy* akoho izy. 3° Mampinono. Elle a nourri ses trois enfants. *Nampinono* ny zanany telo izy. 4° *fig.* Mamelona, mampianatra, mampitombo fahaizana, mitahiry, mampaharitra. Il nourrit un serpent dans son sein. *Mamelona* zana-baratra izy. Elle a nourri ses enfants dans l'amour de la vertu. *Nampianatra* ny zanany ho tia hatsaram-panahy izy. L'étude nourrit l'esprit. Ny fianarana *mampitombo fahaizana* ny saina. Il nourrit la haine dans son cœur. *Mitahiry* lolom-po ao am-pony izy. — la haine dans le cœur de quelqu' un. *Mampaharitra* ny lolom-pon' olona. 5° — Misy. L'Afrique nourrit beaucoup d'animaux féroces. *Misy* biby masiaka maro any Afrika.

Se nourrir, *vpr.* 1° Mivelona, maniry. Il se nourrit de légumes. *Mivelona* amy ny hanin-kotrana izy. Cet arbre n'a pas de quoi se —. Tsy mahita *haniriana* io hazo io. 2° —, Mitaiza tena. Il se nourrit bien. *Mitaiza tena* tsara izy. 3° *fig.* Mivelona, mampitombo ny fahaizany, mandinika, mitahiry. Il se nourrit de la parole de Dieu. Ny tenin' Andriamanitra no *ivelomany.* Il se nourrit de la lecture des bons livres. *Mampitombo ny fahaizany* amy ny famakiana ny boky tsara izy. Il se nourrit d'idées tristes. *Mandinika, mitahiry* hevitra mampalahelo izy.

NOURRISSAGE, *sm.* Fiompiana.

NOURRISSANT, ANTE, *adj.* Mamelona, mahatanjaka. Viande nourrissante. Hena *mahatanjaka.*

NOURRISSON, *sm.* 1° Zaza ampinonoina, taiza. 2° *fig.* Mpianatra.

NOURRITURE, *sf.* 1° Hanina, haninkanina, fivelomana. Bonne —. *Hanina* tsara. Il ne prend plus de —. Tsy mahalatsa-*hanina* intsony izy. Son travail lui procure la —. Ny asan-tánany no ahazoany *haninkanina, fivelomana.* 2° *fig.* Hanina, sakafo. L'esprit a besoin de — aussi bien que le corps. Mila *hanina* toy ny vatana ny saina. La science est la — de l'âme. Ny fahaizana no *sakafon'* ny saina.

NOUS, *pron. pers. pl.* Izahay, anay, isika (y compris ceux à qui l'on parle), antsika. — partons et vous autres vous resterez. *Izahay* mandeha ary hianareo hijanona. Pourquoi — regardez-vous ? Ahoana no ijerenareo *anay ?* — savons qu'il y a un Dieu. Miara-mahalala *isika,* fanta*tsika* fa misy Andriamanitra.

NOUVEAU ou **NOUVEL, ELLE,** *adj.* 1° Vao, vaovao. Fruit — Voankazo *vao.* Vin —. Divay *vaovao.* Le nouvel an. Ny taom-*baovao.* — Testament. Testamenta *vaovao.* Tout ce qui est — paraît beau. Izay *vaovao* toa tsara. 2° —, Zazavao, mpanavao. Il est — dans son emploi. *Zazavao,* etc., amy ny raharahany izy. Je n'aime pas les nouveaux visages. Tsy azoazoko ny olona *manavao* ahy.

Nouveau, *sm.* Vaovao, zava-baovao. Il aime le —. Tia *vaovao,* etc., izy.

—, *adv.* Vao. Une fille — née. Zazavavy *vao* teraka.

De nouveau, *loc. adv.* Indray.

NOUVEAUTÉ, *sf.* 1° Havaovao. La — de cette doctrine me surprend. Mahagaga ahy ny *havaovaon'* izany fampianarana izany. 2° —, Zava-baovao, fomba vaovao, lamody vaovao. Il recherche des nouveautés. Mitady *zava-baovao* izy. Le peuple aime les nouveautés. Tia *fomba vaovao* ny vahoaka. Marchand de nouveautés. Mpivarotra *lamody vaovao.*

NOUVELLE, *sf.* Zava-baovao, fandrenesana. Cette — est fausse. Tsy marina izany *zava-baovao* izany. C'est une — pour moi. *Zava-baovao* amiko izany, izao vao *mandre* izany aho. On a eu — que les ennemis ont été battus. *Re* fa resy ny fahavalo. J'ai reçu de ses nouvelles. Efa *reko* ny toetrany. Mandezmoi de vos nouvelles. *Ampandraneso* ahy ny toetrao. ‖ *loc.* Vous aurez de mes nouvelles. Hataoko mahita ahy hianao. Point de nouvelles, bonnes nouvelles. Matoa mangingina izy tsara hiany.

NOUVELLEMENT, *adv.* Vao, vao haingana. Maison — bâtie. Trano *vao* naorina, naorina *vao haingana.*

NOUVELLISTE, *sm.* Olona liana zava-baovao, mpampioly zava-baovao.

NOVATEUR, TRICE, *s.* et *adj.* Mpitondra fomba vaovao.

NOVEMBRE, *sm.* Volana faharaika amby ny folo amy ny taona vazaha, novembra.

NOVICE, *s.* Mpianatra ho relijiozy.

—, *adj.* Zazavao, mpanavao. Il est encore bien — dans son métier. Mbola *zazavao,* etc., amy ny raharahany izy.

NOVICIAT, *sm.* 1° Fianarana ho relijiozy. 2°—, Andro ianaran' ny mpianatra ho relijiozy. 3° —, Trano fianaran'ny mpianatra ho relijiozy. 4° *fig.* Fianarana.

NOYAU, *sm.* 1° Taolam-boankazo. — de pêche. *Taolam*-paiso. 2° —, Tena. Le — d'une comète. Ny *tenan'* ny kometa. 3° *fig.* Fiandohana, fiantombohana. Quelques écrivains ont formé le — de l'Académie. Mpamorom-boky vitsivitsy no fototra *niandohana, niantombohan'* ny Akademia.

NOYÉ, ÉE, *s.* et *adj.* Sempotra anaty rano, maty an-drano.

—, *adj.* Vonto. Des yeux noyés de larmes. Maso *vonton*-dranomaso.

NOYER, *sm.* Foto-*noix.*

NOYER, *va.* 1° Manitrika anaty rano. — un chat. *Manitrika* saka *anaty rano.* 2° —, Manafotra. Les eaux ont noyé son champ. Ny rano *nanafotra* ny tanimboliny. 3° *fig.* Manary dia, mampisafotofoto. Il noie son chagrin dans le rhum. *Manary dia* ny alahelony amy ny fisotroan-toaka izy. Il noie sa pensée dans un déluge de mots. *Mampisafotofoto* ny heviny amy ny teny maro izy.

Se noyer, *vpr.* 1° Mamono tena any anaty rano. maty an-drano. Les mouches se noient dans le lait. *Maty ao anaty* rononono ny lalitra. 2° *fig.* Se — dans la débauche. Miletra izaitsizy, milomano ao anatin' ny fitondran-tena ratsy. Se — dans le sang. Mandatsaka ra mandriaka.

NU, NUE, *adj.* 1° Mitanjaka, mihanjaka, mihanjahanja, miboridana. Ces sauvages vont tout nus. *Mitanjaka,* etc, ireo olona dia ireo. Être à moitié—. *Mihanja* vatana. ‖ *loc.* Avoir la tête nue. Tsy misatroka. Aller nu-peds. Tsy mikiraro. Aller nu-jambes. Tsy mipataloha. Observer quelque chose à l'œil—. Mijery zavatra amy ny maso fotsiny hiany. 2° —, Tsy mitafy. J'étais— et vous m'avez habillé. *Tsy nitafy* aho ka notafinareo. 3° *fig.* Tsy misy fanaka, —haingo, —renty, —hazo. Chambre nue. Efi-trano *tsy misy fanaka, tsy misy haingo, tsy misy renty.* Pays—. Tany *tsy misy hazo.* 4° —, Tsy an-kifonofono, tsy an-kinafinafina. Il lui a dit la vérité toute nue. Nilaza ny marina taminy *tsy an-kifonofono,* etc., izy.

—, *sm.* 1° Ny mitanjaka. 2°—, Ny tsy mitafy. Vêtir les nus. Manafy *ny tsy mitafy.* 3° *fig.* Ny tsy fisian-drenty.

À nu, *loc. adv.* 1° Mitanjaka. Mettre à —. *Mampitanjaka.* 2° *fig.* Tsy an-kifonofono, tsy an-kinafinafina. Découvrir son cœur à —. Mamboraka ny ao am-pony tsy *an-kifonofono,* etc.

NUAGE, *sm.* 1° Rahona. —épais. *Rahona* matevina. 2° *fig.* Zavatra mijofo. Un — de poussière, de fumée. Vovoka, setroka *mijofo.* 3°—, Sarona. La vérité dissipe les nuages de l'erreur. Ny marina mampisava ny hevi-diso *manarona* antsika. Les passions élèvent des nuages dans notre esprit. Ny filan-dratsy *manarona* ny saintsika. 4°—, Alahelo, ahiahy, fanelingelenana. Aucun—ne trouble la sérénité de son âme. Tsy misy *alahelo, ahiahy* mampitebiteby ny fony. Tous les jours de leur union ont été des jours sans —. Tsy nisy zavatra *nanelingelina* azy ireo nandritra ny andro nivadiany.

NUAGEUX, EUSE, *adj.* 1° Be rahona. Ciel —. Lanitra *be rahona.* 2° *fig.* Maizimaizina. Style —. Laha-teny *maizimaizina.*

NUANCE, *sf.* 1° Volon-doko samihafa kely foana. Le mélange de plusieurs couleurs produit des nuances variées à l'infini. Ny fampiharoana loko maro no mahatonga *volon-doko samihafa kely foana* tsy tambo isaina. 2° *fig.* Zavatra samihafa kely. Il y a une — entre ces deux idées. Misy *samihafa kely* ao anelanelan' ireo hevi-droa ireo.

NUANCER, *va.* 1° Mandahatra volondoko samihafa. 2° *fig.* Mandahatra zavatra samihafa kely.

NUBILE, *adj.* Ampy taona hanambabady.

NUDITÉ, *sf.* 1° Fitanjahana, fihanjahana.

fihanjahanjana, fiboridana. 2° —, Sary mitanjaka

NUE, *sf.* 1° Rahona. Le soleil perce la —. Maninteraka ny *rahona* ny masoandro. 2° *fig.* Porter aux nues. Midera izaitsizy. Faire sauter quelqu'un aux nues. Mahatezitra olona izaitsizy. Tomber des nues. Gaga izaitsizy.

NUÉE, *sf.* 1° Rahona. — épaisse. *Rahona* matevina. 2° *fig.* Olona na biby zavontany. — de sauterelles. Valala *zavontany.*

NUIRE, *vn.* 1° Mahafaty antoka, mamono antoka, manimba, manisy ratsy. Cette affaire a nui à sa fortune. *Nahafaty antoka, namono antoka* azy izany raharaha izany. Cela a nui à sa réputation. *Nanimba* ny lazany izany. Il cherche à me —. Mitady *hahafaty antoka*, etc., ahy izy. Cette boisson nuit à la santé. *Manimba* ny hasalamana itony fisotro itony. 2° —, Misakantsakana, manahirana. Abattez cette muraille, elle me nuit. Azerao ity ampiantany ity, fa *misakantsakana*, etc., ahy.

NUISIBLE, *adj.* Mahafaty antoka, manimba.

NUIT, *sf.* 1° Alina. —obscure. *Alina* maizina. Il travaille jour et —. Miasa andro aman' *alina* izy. Il a passé la — à jouer. Nandany *alina* niloka izy. Il fait —. *Alina* ny andro. Retenir jusqu'à la —. *Manalina*. J'ai retenu mon ami jusqu'à la—. *Nanalina* ny sakaizako aho. La — dernière. *Halina*. Il est mort la — dernière. Maty *halina* izy. La — prochaine. Raha *alina*, anio *alina*. 2° *fig.* L'origine de cet usage se perd dans la — des temps. Tsy fantatra izay niandohan' izany fanao izany tamy ny taona fahagola. La — porte conseil. Aoka ho ampitso fa ny *alina* fandinihana.

De nuit, *loc. adv.* Alina. Aller de — Mandeha *alina.*

NUL, NULLE, *adj.* 1° Na dia iray aza, na dia kely aza.— homme n'est exempt de mourir. Tsy misy olona tsy ho faty *na dia iray aza.* Je n'en ai nulle connaissance. Tsy mahalala izany aho *na dia kely aza.* ‖ *loc.* En nulle manière Na manao ahoana na manao ahoana. Nulle part. Na aiza na aiza. 2°—, Foana, tsinontsinona. Cet acte est—. *Foana*, etc., izany fanekena izany. 3° *fig.* C'est un homme—. Tsy mahay, tsy mahavita na inona na inona izy. Son talent est—. Tsy mahay na inona na inona izy.

NULLEMENT, *adv.* Na manao ahoana na manao ahoana, na dia kely aza, tsy akory. Je ne le veux—. Tsy tiako izany *na manao ahoana na manao ahoana*, etc. Voulez-vous cela ? —. Moa tianao izany ? Tsia, *tsy akory.*

NULLITÉ, *sf.* 1° Hafoanana, hatsinotsinona. 2°—, Olona tsy mahay na inona na inona.

NÛMENT, *adv.* Tsy an-kifonofono.

NUMÉRAIRE, *adj.* La valeur—de cette pièce d'or est de vingt francs. Ariary efatra natao vidin' io farantsa volamena io.

—, *sm.* Lela vola, vola. Le— a augmenté. Nitombo ny *lela vola*, etc.

NUMÉRAL, ALE, *adj.* Milaza isa. Lettre numérale. Litera *milaza isa.*

NUMÉRATEUR, *sm.* Ny isan'ny fraksiona milaza firy no alaina amy ny venty voazara.

NUMÉRATION, *sf.* Fanisana.

NUMÉRIQUE, *adj.* Momba ny isa.

NUMÉRIQUEMENT, *adv.* Araka ny isa.

NUMÉRO, *sm.* Isa, marika, naombany. Dites-moi le— de la page. Lazao ahy ny *isan'* ny pejy. Quel est le— de votre maison? Firy ny *marika*, ny *naomban'* ny tranonao? Il porte des lunettes du — seize. Manao solomaso misy *naombany* enina amby ny folo izy. Je ne trouve plus le— dix du journal. Tsy hitako intsony ny gazety misy *naombany* fahafolo.

NUMÉROTAGE, *sm.* Fanisiana isa, — marika. — naombany.

NUMÉROTÉ, ÉE, *adj.* Misy isa,— marika. —naombany. Voiture numérotée. Kalesy *misy marika, misy naombany.*

NUMÉROTER, *va.* Manisy isa,— marika, — naombany.

NUMISMATIQUE, *adj.* Momba ny medalin' ny ntaolo.

—, *sf.* Fahaizana momba ny medalin'ny ntaolo.

NUPTIAL, ALE, *adj.* Momba ny fampakaram-bady, — ny fanambadiana, — ny mariazy. Habits nuptiaux. Akanjo fitondra *amy ny fampakaram-bady.* Bénédiction nuptiale. Tso-drano atao *amy ny fanambadiana, amy ny mariazy.*

NUQUE, *sf.* Hatoka, hatok' angidina, heringerina.

NUTRITIF, IVE, *adj.* Mahatanjaka, mamelona. Substance nutritive. Zavatra *mahatanjaka*, etc.
NUTRITION, *sf.* Famelomana.

NYMPHE, *sf.* Monany, soherina, zanadandy. La larve du hanneton devient — et puis hanneton. Ny sakoivy manjary *monany* vao manjary voangory

O

Ô, *int.* Adre, odre, indrisy, endrey, ô, ry. — jour heureux! *Adre*, andro maharavo! — douleur! *Adre, indrisy, endrey!* — mon Dieu! Andriamanitra *ô!* — mon fils! *Ry* zanako!
OASIS, *sf.* Vondron-java-maniry ao afovoan' ny efitra.
OBÉIR, *vn.* 1° Manaiky. — à son père. *Manaiky* an-drainy. Le chien obéit à son maître. Ny alika *manaiky* ny tompony. J'ai obéi à la force. *Nanaiky* aho, fa voatery. 2° *fig.* Milefitra, resena. Ce bois obéit sans se rompre. Mety *milefitra* tsy tapaka io hazo io. Il faut que les passions obéissent à la raison. Tsy maintsy *horesen'* ny fanahy ny filandratsy.
OBÉISSANCE, *sf.* Fanekena, fanoavana. Cet enfant est d'une grande —. *Manaiky* tsara io zazalahy io. Il a réduit cette province sous son —. *Nampanaiky* izany fari-tany izany izy. Prêter — à un prince. *Manoa* mpanjaka.
OBÉISSANT, ANTE, *adj.* 1° Manaiky. Un fils —. Zanaka *manaiky*. 2° *fig.* Milefitra, resy.
OBÉLISQUE, *sm.* Tsangam-bato avobe.
OBÉRER, *va.* Maharaiki-trosa, mahabe trosa. Il a obéré sa famille. *Naharaiki-trosa*, etc., ny mpianakaviny izy. Comme ENDETTER.
S'obérer, *vpr.* Raiki-trosa, be trosa, mitrosa.
OBÈSE, *adj.* Matavibe, botrefom-be.
OBÉSITÉ, *sf.* Hatavezan-doatra.
OBJECTER, *va.* 1° Milaza hanohitra. Il a objecté de bonnes raisons. *Nilaza* antony tsara *hanohitra* izany izy. N'avez-vous rien à —? Moa manan-*kolazaina hanoherana* izany hianao? 2°—, Maniny. On lui a objecté la corruption de ses mœurs. *Notsinina* noho ny haratsian' ny fitondran-tenany izy.
OBJECTION, *sf.* Fanoherana. Réfuter une—. Mamaly *fanoherana*. Il n'y a pas d'— à cela. Tsy misy azo *anoherana* izany.
OBJET, *sm.* 1° Zavatra. Voilà un — charmant. Itsy *zavatra* mahafinaritra. Il a acheté divers objets. Nividy *zavatra* samihafa izy. 2°—, Izay re, izay tratra. Le son est l'— de l'ouïe. Ny feonjavatra no *ren'* ny sofina. Le vrai est l'— de l'entendement. Ny marina no *tratry* ny saina. 3°—, Ny momba, fototra, antony, ny kendrena. La théologie a Dieu pour —. Ny teolojia no ianarana *ny momba* an' Andriamanitra. Vous étiez l'— de notre entretien. Hianao no *foto*-dresakay teo. Quel est l'— de cette démarche? Inona no *fototra, antony* anaovanao izany? Il n'a pour — que la gloire. Ny voninahitra hiany no *kendreny*.
OBJURGATION, *sf.* Fandevilevena.
OBLATION, *sf.* 1° Fanolorana amin' Andriamanitra. 2° —, Fanatitra atorina amin' Andriamanitra. Les prêtres ne vivaient autrefois que d'oblations. Ny *fanatitra naterin'* ny olona *tamin' Andriamanitra* no niveloman' ny mpisorona teo aloha.
OBLIGATION, *sf.* 1° Ny tsy maintsy hatao, didy. Il a rempli ses obligations. Nahatanteraka izay *tsy maintsy hataony* izy. C'est une fête d'—. Fety *voadidy* hotandremana izany. 2° —, Taratasy fanekena milaza fandoavam-bola, teny apetraka. Cette — est payable dans cinq ans. Tsy maintsy haloa raha afaka dimy taona ny *vola voasoratra* ato anatin'ity *taratasy fanekena* ity. Il a acquitté son —. Nandoa ny *vola voasoratra* tao anatin' ny *taratasy fanekena* izy. Il a fait honneur à ses obligations. *Nandoa* ny *trosan'* olona taminy izy, nahatanteraka ny *teny napetrany* izy. 3° —, Fankasitrahana. Je lui en aurai — toute ma vie. *Hankasitraka* azy amy ny andro rehetra hiainako aho noho izany.

OBLIGATOIRE, *adj.* Tsy maintsy harahina, tsy maintsy.... Contrat —. Fanekena *tsy maintsy harahina.*

OBLIGÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Tsy maintsy, tsy maintsy harahina, voadidy, nodidiana, voatery, noterena, tery, hery. Je suis — de vous quitter. *Tsy maintsy* handao anao aho. La formule obligée d'une lettre. Ny teny fanao *tsy maintsy harahina* amy ny taratasy ampitondraina. Après un mois de siège, le gouverneur fut — de se rendre. Nony tapitra iray volana no nanaovana fahirano, dia *voatery, tery* hanolo-tena ny governora. dia *herin'* ny governora nanolo-tena. 2° —, Mankasitraka. Je vous suis bien — de la peine que vous avez prise. *Mankasitraka* anao indrindra aho noho ny fisahiranana0.

—, *s.* Mankasitraka. Je suis votre—. *Mankasitraka* anao aho.

OBLIGEAMMENT, *adv.* Amim-kalemem-panahy, amin-kazavam-po. Il m'a reçu —. Nandray ahy *tamin-kalemempanahy,* etc., izy.

OBLIGEANCE, *sf.* Halemem-panahy, hazavam-po.

OBLIGEANT, ANTE, *adj.* Malemy fanahy, mazava fo, mahafaly. Il est fort—. *Malemy fanahy, mazava fo* loatra izy. Il ne lui a pas dit une parole obligeante. Tsy nilazany teny *mahafaly* na dia iray akory aza izy.

OBLIGER, *va.* 1° Mandidy, manery. La loi divine nous oblige à honorer notre père. Ny lalàn' Andriamanitra *mandidy* antsika mba hanaja ny raintsika. Son contrat l'oblige à cela. Ny fanekena nataony *mandidy* azy mba hanao izany. La crainte l'oblige à se taire. Ny tahotra *manery* azy mba hangina. 2°—, Mitaona, mitarika. Mes réprimandes l'ont obligé à changer d'avis. Ny anatra nataoko *nitaona, nitarika* azy mba hiova hevitra. 3°—, Manampy, manao soa, mahafaly. Il oblige tout le monde. *Manampy,* etc., ny olona rehetra izy. Vous m'obligerez d'aller lui parler pour moi. Ho *faly* aho raha mety hanao ny raharahako aminy hianao.

S'obliger, *vpr.* 1° Mametra-teny. 2°—, Mifanampy, mifanao soa.

OBLIQUE, *adj.* 1° Misompirana, mitongilana, mihilana. Ligne —. Tsipika *misompirana,* etc. Les rayons du soleil sont plus obliques en hiver qu'en été. *Misompirana, mihilana* kokoa ny tànamasoandro raha ririnina noho ny raha fahavaratra. 2° *fig.* Miolakolaka. Il suit des voies obliques. *Miolakolaka* izy. Voy. Biais.

—, *sf.* Tsipika misompirana.

OBLIQUEMENT, *adv.* 1° Misompirana, mitongilana, mihilana. 2° *fig.* Miolakolaka.

OBLIQUER, *vn.* Misompirana. — vers l'ouest. *Misompirana* miankandrefana.

OBLIQUITÉ, *sf.* 1° Fisompiranana, fitongilanana, fihilanana. 2° *fig.* Fiolakolahana.

OBLITÉRATION, *sf.* Fampanjavozavoana, fahafatifatesan-tsoratra.

OBLITÉRER, *va.* Mampanjavozavo, mampahafatifaty. Le temps a oblitéré ces caractères. Ny ela *nampanjavozavo,* etc., izany soratra izany.

S'oblitérer, *vpr.* Manjavozavo, matimaty.

OBLONG, ONGUE, *adj.* Lavalava, kilavalava. Livre —. Boky *lavalava,* etc.

OBOLE, *sf.* 1° Farantsa kely varahina tamy ny Grika. 2° *fig.* Variraiventy. Je n'en donnerais pas une —. Tsy sahiko na dia *variraiventy* akory aza.

OBOMBRER, *va.* Manaloka. Les anges l'obombraient de leurs ailes. Ny anjely *nanaloka* azy tamy ny elany.

OBREPTICE, *adj.* Misy ankifonofono. Lettre —. Taratasy ampitondraina *misy ankifonofono.*

OBREPTICEMENT, *adv.* An-kifonofono.

OBREPTION, *sf.* Fanafenan-javatra anankiray izay tsy maintsy holazaina amy ny taratasy ampitondraina.

OBSCÈNE, *adj.* Vetaveta, mahamenatra, maloto. Paroles obscènes. Teny *vetaveta,* etc.

OBSCÉNITÉ, *sf.* Havetavetana, zavatra vetaveta, zavatra mahamenatra.

OBSCUR, URE, *adj.* 1° Maizina, manjombona. Nuit obscure. Alina *maizina.* Le temps est —. *Manjombona* ny andro. L'église est obscure. *Maizimaizina* ny trano leglizy. Très —. *Maizim*-pito, alim-pito, ali-mainty. 2° *fig.* Maizimaizina. Discours —. Laha-teny *maizimaizina.* 3°—, Tsy fantatr' olona, iva. Il mène une vie obscure. *Tsy fantatr'olona* izy. C'est un homme —. Lehilahy *tsy fantatr' olona* izy. Il est d'une naissance obscure. *Iva* razana izy.

OBSCURCIR, *va.* 1° Manamaizina, ma-

hamaizina, mampanjombona. Ce mur élevé obscurcit ma chambre. Io rindrina avo io *manamaizina, mahamaizina* ny tranoko. Les nuages obscurcissent le jour. Ny rahona *mampanjombona* ny andro. 2° *fig.* Manamaizina, mampihena. Ce commentaire obscurcit le texte. *Manamaizina* ny tena teny ity fivoasana ity.

S'obscurcir, *vpr.* 1° Mihamaizina, manjombona, mihamanjavona. La vue s'obcurcit dans la vieillesse. *Mihamanjavona* ny maso raha antitra. 2° *fig.* Mihamaizina, mihena. Sa gloire s'est obscurcie peu à peu. *Nihena* tsikelikely ny voninahiny.

OBSCURCISSEMENT, *sm.* 1° Hamaizina, fanjombona, fanjavona. 2° *fig.* Hamaizina, fihenána.

OBSCURÉMENT, *adj.* 1° Tsy mazava, manjavozavo. Voir —. *Tsy* mahita *mazava*, mahita *manjavozavo.* 2° *fig.* Tsy mazava, maizina. Il parle —. *Tsy* milaza *mazava* izy, *maizina* ny filazany. 3° —, Tsy fantatr' olona.

OBSCURITÉ, *sf.* 1° Hamaizina, aizina, fanjombona, ny maizina. L' — de la nuit. Ny *hamaizina*, ny *aizin'* ny alina. Il cherche l'—. Mitady *ny maizimaizina*, manaraka *aizina* izy. 2° *fig.* Maizina. Son discours est plein d'—. Be *maizimaizina* amy ny laha-teniny. 3°—, Tsy fahafantarana, fahivana. Il vit dans l'—. *Tsy fantatr' olona* izy.

OBSÉCRATION, *sf.* Fiantsoana an'Andriamanitra.

OBSÉDER, *va.* 1° Milafika, manahirana. Ce ministre obsédait le prince. *Nilafika* tao amy ny mpanjaka izany ministra izany. Cet homme me vient voir chaque jour, il m'obsède. Tonga eto amiko isan' andro *manahirana* ahy io lehilahy io. 2°—, Manelingelina. Il y a un malin esprit qui l'obsède. Misy demony *manelingelina* azy.

OBSÈQUES, *sf. pl.* Fandevenana maketriketrika.

OBSÉQUIEUSEMENT, *adv.* Manompotompo.

OBSÉQUIEUX, EUSE, *adj.* Manompotompo, mamalifaly, mandokadoka.

OBSÉQUIOSITÉ , *sf.* Fanompotompoana, famalifaliana, fandokadokafana.

OBSERVANCE, *sf.* 1° Fitandremana, fanatanterahana, fanarahana. 2°—, Didy, fitsipika. Manquer aux observances. Mandika ny *didy*, etc.

OBSERVATEUR, TRICE, *s.* 1° Mpitandrina, mpanatanteraka, mpanaraka. 2°—, Mpandinika, mpitazana, mpijery. — du cœur humain. *Mpandinika, mpijery* ny toetr' olona.

—, *adj.* Mpandinika, mpijery. Esprit —. Olona *mpandinika*, etc.

OBSERVATION, *sf.* 1° Fitandremana, fanatanterahana, fanarahana. 2°—, Fandinihana, fitazanana, fijerena. Il a l'esprit d'—. Fatra-*pandinika, pitazana, pijery* izy. 3°—, Zavatra voadinika, — voatazana, — voajery, — hita. Je vous ferai part de mes observations. Holazaiko aminao ny *zavatra voadiniko, voatazako, voajeriko, hitako.* 4°—, Filazana. Avez-vous encore quelque — à faire? Moa misy zavatra hafa *holazainao?* Votre — me paraît juste. Ataoko fa marina ny *filazanao.* Voici quelques observations sur ce chapitre. Intý ny zavatra sasany *holazaiko* momba izany toko izany. 5°—, Fitsikiloana, fitiliana. Il est en —. *Mitsikilo, mitily* izy. Corps d'—. Antoko-miaramila *mitsikilo, mitily.*

OBSERVATOIRE, *sm.* Observatoara.

OBSERVER, *va.* 1° Mitandrina, manatanteraka, manaraka. — les commandements de Dieu. *Mitandrina*, etc., ny didin' Andriamanitra. 2°—, Mandinika, mitazana, mijery, mahita. — la nature. *Mandinika* ny fomban-javatra. — le cours des astres. *Mandinika, mitazana, mijery* ny fandehan' ny astra. J'ai observé qu'il n'adressait la parole qu'à vous. Efa *hitako* fa tsy niresaka afa-tsy taminao izy. 3°—, Mitsikilo, mitily. Prenez garde à ce que vous direz, on vous observe. Tandremo izay holazainao, fa misy *mitsikilo*, etc., anao.

S'observer, *vpr.* 1° Mitandrin-tena, miambin-tena, malina. 2°—, Mifampijery, tsy mifampipy. 3°—, Mifampitsikilo, mifampitily.

OBSESSION, *sf.* 1° Fanelingelenana. 2°—, Filafihana.

OBSTACLE, *sm.* Sampona, sakana. Faire naître un—. Mamoron-*tsampona.* Les obstacles se sont multipliés. Nitombo ny *sampona.* Il n'y a nul —. Tsy misy *sampona*, etc., na dia kely aza. Aucun — ne l'arrête. Tsy misy *sampona* mahasakana azy. Mettre — à un dessein. *Misakana* fikasana.

OBSTINATION, *sf.* Di-doha, hamafy hatoka, hamafy sofina, tohika, bohihy, botraika, fitokona, fitokozihitra, fihena-

hena, fikiry, fikiribibiana, fikitrohana.

OBSTINÉ, ÉE, *adj.* et *s.* Maditra, etc. Comme Entêté.

—, *adj.* Lavareny, sarotra sitranina. Rhume —. Koha-*davareny*, etc.

OBSTINÉMENT, *adv.* Amin-ditra, amim-pikiribibiana.

OBSTINER, *va.* Mahamafy hatoka, mahamafy sofina, mampitokona, mampitokozihitra, mampihenahena, mampikiribiby. Vos réprimandes ne font que l'—. Ny anatra nataonao vao mainkia *mahamafy hatoka*, etc., azy.

S'obstiner, *vpr.* Manao ditra, mitokona, mitokozihitra, mihenahena, mikiribiby, mitompo teny fantatra, mikitroka.

OBSTRUCTION, *sf.* 1° Fihandronandra. 2° *fig.* Fanampenana.

OBSTRUÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Mihandron-dra. Il a le foie —. *Mihandrondra* ny atiny. 2°—, Tampina, voatampina, mitampina, fempina. Le canal est —. *Tampina*, etc., ny lakan-drano.

OBSTRUER, *va.* 1° Mampihandrondra. 2°—, Manampina, mamempina. — les rues. *Manampina* ny araben-dálana.

S'obstruer, *vpr.* 1° Mihandron-dra. 2° —, Mitampina.

OBTEMPÉRER, *vn.* Manaiky. —à un ordre. *Manaiky* didy.

OBTENIR, *va.* Mahazo. —une place. *Mahazo* raharaha. J'ai obtenu la permission. *Nahazo* lálana aho. Il a obtenu la faveur du prince. *Nahazo* sitraka tamy ny mpanjaka izy.

S'obtenir, *vpr.* Azo.

OBTENTION, *sf.* Fahazoana.

OBTUS, USE, *adj.* 1° Dombo. Angle —. Zoro *dombo*. 2° *fig.* Donto saina, dombo saina. Il a l'esprit —. *Donto saina*, etc., izy.

OBUS, *sm.* Karazam-bomba kely.

OBUSIER, *sm.* Tafondro fohy fandefasana bomba kely.

OBVIER, *vn.* Misakana. — à un malheur. *Misakana* loza.

OCCASION, *sf.* 1° Fotoana, toe-draharaha, forme relative. Je cherche une bonne — pour lui parler. Mitady *fotoana* mety mba hiresahana aminy aho. L'— fait le larron. Ny *fotoana* mety mahatarika hangalatra. Je me conduirai selon les occasions. Hataoko araka ny *toe-draharaha*. Ménagez-moi l'— de lui faire une visite. Ataovy izay *hamangiako* azy. ‖ *loc.* Profiter de l'—. Manararaotra. Dans toutes les occasions. Mandrakariva. Dans mille occasions. Matetika. 2°—, Ny mahatarika, ny mahataona, zavatra miteraka, antony, fototra. Fuyez les occasions du péché. Mandosira *ny mahatarika, ny mahataona* amy ny fahotana. Il a été l'—de leur dispute. Izy no *antony, fototra* nifandiran' izy ireo.

À l'occasion de, *loc. prép.* Noho, forme relative. Cela est arrivé à l'—de la guerre. Niseho *noho* ny ady izany, ny ady no *nisehoan'* izany.

D'occasion, *loc. adv.* Sendra mora. J'ai acheté ce livre d'—. *Sendra mora* ity boky ity ka novidiko.

Par occasion, *loc. adv.* Sendrasendra.

OCCASIONNEL, ELLE, *adj.* Mitarika, mitaona, miteraka, antony, fototra.

OCCASIONNELLEMMENT, *adv.* Sendrasendra.

OCCASIONNER, *va.* Mitarika, mitaona, miteraka, antony, fototra. Cela occasionna bien des malheurs. *Nitarika, niteraka* loza maro izany. C'est lui qui occasionne mon chagrin. Izy no *antony, fototry* ny alaheloko.

OCCIDENT, *sm.* Andrefana. Comme Ouest.

OCCIDENTAL, ALE, *adj.* Any andrefana.

Occidentaux, *sm. pl.* Ny mponina any Eoropa.

OCCIPITAL, ALE, *adj.* Momba ny mokon-doha.

OCCIPUT, *sm.* Mokon-dohá.

OCCIRE, *va.* Mamono.

OCCULTE, *adj.* Miafina. Maladie —. Aretina *miafina*. Puissance —. Hery *miafina*.

OCCUPANT, *sm.* Mpaka. Premier —. Izay *maka* voalohany.

OCCUPATION, *sf.* 1° Raharaha, lahasa, asa. —pénible. *Raharaha*, etc., mahasasatra. Ouvrier sans —. Mpiasa tsy manan-*draharaha*, etc. Je lui donnerai de l'—. Homeko *raharaha*, etc., izy; hosahiraniko izy. 2°—, Fakana, fitanana. On a fortement réclamé contre l'— de ces provinces. Notoberina mafy ny *nitanan'* ny miaramila ireo fari-tany ireo. Armée d'—. Miaramila *mitana* tany vao nalaina.

OCCUPÉ, ÉE, *adj.* 1° Manan-draharaha. Un homme fort —. Olona *be raha-*

raha. 2°—, Itoerana. Ma maison est occupée. *Itoeran'* olona ny tranoko.

OCCUPER, *va.* 1° Mameno. Cette table occupe toute la salle. *Mameno* ny efitrano ity latabatra ity. 2°—, Mitoetra. Il occupe deux chambres dans ma maison. Efi-trano roa no *itoerany* ao an-tranoko. 3°—, Maka, mitana. Il a occupé le premier cette terre. Izy no voalohany *naka* io tany io. Les troupes occupèrent les ports de mers. *Nalaina, notanan'* ny miaramila ny seranana. 4°*fig.* Manana, eritreretina, manome raharaha, mampiasa. Il occupe une place honorable. *Manan*-draharaha ambony izy. Cette affaire occupe toute ma pensée. *Eritreretin'* ny saiko lalandava izany raharaha izany. Il occupe plusieurs ouvriers. Maro ny mpiasa *omeny raharaha, ampiasainy.* Cette affaire l'occupe sans cesse. *Eritreretiny* lalandava izany raharaha izany, *mampiasa* azy lalandava izany raharaha izany. Cette étude occupe l'esprit sans le fatiguer. *Mampiasa* ny sainy izany raharaha izany, nefa tsy mahasasatra azy.

S'occuper, *vpr.* Mihevitra, mieritreritra, miahy, mikanonkanona, milozoka, manan-draharaha, miraharaha, manao raharaha, miasa. Il ne s'occupe que de bagatelles. Tsy *mihevitra, mieritreritra* afa-tsy ny zavatra tsinontsinona, tsy *manan-draharaha* afa-tsy amy ny zavatra tsinontsinona izy. Cette femme ne s'occupe que de son ménage. Tsy *mihevitra, miahy, mikanonkanona* afa-tsy ny tokan-tranony, tsy *manan-draharaha* afa-tsy amy ny tokan-tranony io vehivavy io. Il s'occupe beaucoup de ses affaires. *Miahy* fatratra ny raharahany, *milozoka* fatratra amy ny raharahany izy. C'est lui qui s'occupe de cette affaire. Izy no *miahy, mikanonkanona, miraharaha* izany raharaha izany. Il s'occupe à son jardin. *Manao raharaha, miasa* ao amy ny tanimboliny izy. Il ne sait à quoi s'—. Tsy mahita *raharaha, asa* azony atao izy.

OCCURRENCE, *sf.* Fotoana, toe-draharaha. Je m'en souviendrai dans l'—. Hotsarovako izany amy ny *fotoana* mety, araka ny *toe-draharaha.* Voy. Occasion.

OCÉAN, *sm.* 1° Ranomasina lehibe. 2° *fig.* Zavatra be dia be. Un — de lumière. Fahazavana *be dia be.*

OCÉANIE, *sf.* Oseania.

OCRE, *sf.* Tany vony.

OCTAVE, *sf.* 1° Havaloana. Pendant l'—du saint Sacrement. Mandritra ny *havaloan'* andron' ny fetin' ny Sakramenta masina. 2°—, Andro fahavalo. C'est aujourd'hui l'— du saint Sacrement. Anio no *andro fahavalon'* ny fetin' ny Sakramenta masina.

OCTOBRE, *sm.* Oktobra, volana fahafolo amy ny taona vazaha.

OCTOGÉNAIRE, *adj.* et *s.* Nahatratra valopolo taona.

OCTOGONE, *adj.* Valo zoro sady valo lafy.

OCTROI, *sm.* 1° Haba alain' ny lehiben' ny tanàna ao amy ny vohitra lehibe, raha misy varotra miditra. 2°—, Trano fandraisana haba.

OCTROYER, *va.* Manaiky. —une demande. *Manaiky* ny zavatra angatahina.

OCULAIRE, *adj.* 1° Amy ny maso. Nerf —. Hozatra *amy ny maso.* 2°—, Nanatri-maso. Témoin —. Vavolombelona *nanatri-maso.*

OCULISTE, *sm.* Dokotera mpitsabo ny areti-maso.

—, *adj.* Mitsabo ny areti-maso.

ODE, *sf.* Karazan-tonon-kira.

ODEUR, *sf.* 1° Fofona, hanitra. Répandre une bonne —. Mandefa *fofona* manitra, mamerovero, mandraraka. Répandre une mauvaise —. Mandefa *fofona* maimbo, *mamofona,* maimbo. L'— de la rose. Ny *hanitry* ny vonin-draozy. 2° *fig.* Laza. Être en bonne —. Tsara *laza.* Être en mauvaise —. Ratsy *laza,* afa-pofona.

ODIEUSEMENT, *adv.* Amim-pankahalana, mahadikidiky, maharikoriko. Il s'est comporté —. *Nahadikidiky, naharikoriko* ny nataony.

ODIEUX, EUSE, *adj.* Tokony ho hala, — hankahalaina, hala, ankahalaina, mahadikidiky, maharikoriko, mahaboboka. Homme —. Lehilahy *tokony ho hala, tokony hankahalaina.* Les méchants sont — à tout le monde. *Hala, ankahalain'* ny olon-drehetra ny ratsy fanahy. Vice —. Fahazaran-dratsy *mahadikidiky, maharikoriko.* La vie lui est devenue odieuse. *Boboky* ny miaina izy.

ODORANT, ANTE, *adj.* Manitra. Bois —. Hazo *manitra.*

ODORAT, *sm.* Fanamboloana, orona. Les chiens ont l'— subtil. Mahay *manambolo,* matsilo *orona* ny alika. Je n'ai point d'—. Donto ny *oroko.*

ODORIFÉRANT, ANTE, *adj.* Mamerovero, mandraraka. Parfum —. Zava-manitra *mamerovero*, etc.

ŒCUMÉNIQUE, *adj.* Concile —. Fivorian' ny eveka rehetra.

ŒIL, *sm.* 1° Maso, fijery. Qui a de beaux et grands yeux. Baholy *maso*, bary *maso*. Qui a les yeux grandement ouverts. Mibalia-*maso*. Suivre quelqu'un des yeux. Manara-*maso* olona. Il a l'— doux. Manao kamokamo *maso, fijery* izy. Fermer les yeux. Voy. Fermer. Le courage brille dans ses yeux. Ny herim-pony misebo amy ny *fijeriny*. Ce bouillon a beaucoup d'yeux. Manao ro be *maso* ity ro ity. L'— de ce caractère est trop gros. Lehibe loatra ny *mason'*ity lohavý ity. 2° —, Fijerena, fiandrandrana, fibanjinana, fivandravandrana, famongitrihana, fangarihana, fanatsipalorana, fitsirihana, fitazanana, fitsinjovana, fahitana. Il porta ses yeux sur moi. *Nijery* ahy izy. Lever les yeux vers le ciel. *Miandrandra* ny lanitra. Il fixa ses yeux sur moi. *Nibanjina* ahy izy. Il fixa sur moi des yeux menaçants. *Nivandravandra* tamiko izy. Il jeta sur nous un— de colère. *Namongitrika* taminay, *nangarika* anay izy. J'ai jeté les yeux, en passant, sur cette boutique. *Tsipalotro*, fony aho nandalo, izany trano fivarotana izany. Je n'ai fait que jeter les yeux sur ce journal. *Notsipalopaloriko* kely foana izany gazety izany. Je vais donner un coup d'— à ce qui se passe chez moi. *Hitsirika* kely izay zavatra mitranga ao an-tranoko aho. Du haut de cette maison, on embrasse d'un coup d'— un vaste horizon. Any an-tampon' ity trano ity no *ahatazanana, ahatsinjovana* tany malalaka hatrany amy ny faravodilanitra. La campagne offre en ce moment un beau coup d'—. Mahafinaritra izato *fijerijerena, fitazantazanana, fitsinjotsinjovana* ny eny an-tsaha. Le premier coup d'— de ce jardin est assez agréable. Mahafinaritra hiany io tanimboly io, raha vao *hita*. 3° *fig.* Jetons un coup d'— sur le règne de ce grand roi. Aoka hodinihintsika kely ny nanjakan' izany mpanjaka malaza izany. Il a le coup d'— pénétrant, il a de bons yeux. Mahira-tsaina izy. Il a le coup d'— juste. Mahay mitsara zavatra izy. J'aurai l'— à cela. Hotandremako tsara izany. Ayez les yeux sur les ouvriers. Tandremo tsara ny mpiasa. Il a l'— au guet. Mitandrina tsara izy. Il a l'— sur lui. Ataony andry maso izy. Cela crève les yeux, cela saute aux yeux. Miharihary izany. On a jeté les yeux sur lui pour cet emploi. Izy no noheverina ho mendrika hanao izany raharaha izany. On a mis votre demande sous les yeux du roi. Naseho tamy ny mpanjaka ny fangatahanao. Elle n'a des yeux que pour son fils aîné. Tsy mijery, tsy tia afatsy ny zanany lahimatoa izy. Il m'a fait ouvrir les yeux sur la conduite de cet homme en qui j'avais toute confiance. Nasehony tamiko ny toe-panahin' io lehilahy nahatoky ahy io. Ouvrir de grands yeux. Gaga izaitsizy. Je m'en bats l'—. Tsy ahoako akory izany.

À vue d'œil, *loc. adv.* 1° Araka ny fijerin' ny maso. À vue d'—, ce morceau de viande pèse une livre. Raha *araka ny fijerin' ny maso* tokeny ho livatra iray ny lanjan'io didin-kena io. 2° —, Haingana. Cet enfant croît à vue d'—. *Haingam*-pitombo, maroroka io zaza kely io.

Aux yeux, sous les yeux, *loc. prép.* 1° Imaso, anatrehana. Cet enfant a toujours été sous mes yeux. Teo *imasoko*, etc., mandrakariva io zazalahy io. 2° *fig.* Araka ny hevitra. A mes yeux il a fait une grande faute. *Araka ny hevitro* dia nanao hadisoana lehibe izy.

Entre deux yeux, entre les deux yeux, *loc. adv.* Regarder quelqu'un entre deux yeux, entre les deux yeux. Mibanjina olona.

Entre quatre yeux, *loc. adv.* Je lui dirai cela entre quatre yeux. Holazaiko amin' izy irery izany.

ŒUIL-DE-BŒUF, *sm.* Varavarankely boribory.

ŒILLADE, *sf.* Hala-pijery. Jeter une —. *Mangala-pijery.*

ŒILLET, *sm.* 1° Mason-kiraro, lavaka fampidiran-kofehy. Faire des œillets à un corset. Manao *lavaka fampidirankofehy* amy ny fitizy. 2° —, Karazamboninkazo manitra mitovitovy amy ny anantsinahimbazaha. — d'Inde. *Anantsinahimbazaha.*

ŒSOPHAGE, *sm.* Lálan-kanina.

ŒUF, *sm.* Atody, atodiakoho. — de poule. *Atodiakoho.* — de tortue. *Atodindreré.* Avaler un jaune d'—. Mitelina tamenak' *atodiakoho*.

ŒUVRE, *sf.* 1° Asan-tánana, asa, ny atao. L'homme est l'— des mains de Dieu. *Asan-tánan'* Andriamanitra ny olombelona. Il se livre à des œuvres de chari-

té. Manao *asa* fiantrana izy. Chacun sera jugé selon ses œuvres. Samy hotsaraina araka ny *asany, ny ataony* avy. À l'— on connaît l'ouvrier. Ny *asa* ataony no ahalalana azy. vavolombelon' ny mpiasa ny bainga. Mettre des pierres en —. *Manao* zavatra amy ny vato. Il a mis tout en — pour réussir. *Nanao* izay rehetra azony atao izy mba hahatanterahany izany. Se mettre à l'—. Manomboka *manao* raharaha anankiray. 2°—. *pl.* Boky. Ce sont toutes ses œuvres. Ireo no *boky* rehetra nataony.

—, *sm.* Raharaha lehibe.

En sous-œuvre, *loc. adv.* 1° Reprendre un mur en sous —. Manamboatra vody rindrina. 2° *fig.* Reprendre un travail en sous —. Mandamina boky na raharaha.

OFFENSANT, ANTE, *adj.* Maneso, manevateva, maniratsira, máharary. mahatezitra. Paroles offensantes. Teny *maneso*, etc.

OFFENSE, *sf.* 1° Fanesoana, fanevatevana, faniratsirana, teny maharary, — mahatezitra. Souffrir une —. Mandefitra *fanesoana*, etc. 2°—, Ota, fahotana. Seigneur, pardonnez-nous nos offenses. Tompo, avelao ny *otanay*, ny *fahotanay*.

OFFENSÉ, ÉE, *s.* et *adj.* Voaeso, nesoina, voatevateva, notevatevaina, notsiratsiraina, voaisy teny maharary,— teny mahatezitra. C'est moi qui suis l'—. Izaho no *voaeso*, etc.

OFFENSER, *va.* 1° Maneso, manevateva, maniratsira, manao teny maharary, — teny mahatezitra, mahatezitra. Il l'a grièvement offensé. *Naneso, nanevateva, naniratsira, nanao teny naharary, — nahatezitra* azy mafy izy. Je n'ai pas cru vous —. Tsy noheveriko *hahatezitra* anao izany. || *loc.* — Dieu. Manota, manao fahotana. 2° *fig.* Mampangintsina, mifanohitra. Ces paroles offensent les oreilles chastes. *Mampangintsina* ny sofin' ny olona madio fo ireo teny ireo. Cela offense la bienséance. *Mifanohitra* amy ny fomba mety izany. Voy. Blesser.

S' offenser, *vpr.* Tezitra.

OFFENSEUR, *sm.* Mpaneso, mpanevateva, mpaniratsira.

OFFENSIF, IVE, *adj.* Amelezana, ananihana. Armes offensives. Fiadiana *amelezana*. Guerre offensive. *Fananihana* ny fahavalo. Ligue offensive et défensive. Fanekena ataon' ny fanjakana roa mba hiara-*mananika* ny fahavalony sy hiara-miaro tena.

OFFENSIVE, *sf.* Famelezana, fananihana. Prendre l'—. *Mamely, mananika* ny fahavalo.

OFFERTOIRE, *sm.* Fanolorana amy ny lamesa.

OFFICE, *sm.* 1° Andraikitra, adidy, raharaha. C'est l'— d'un bon père. *Andraikitra, adidin'* ny ray tsara izany. Il excerce l'— d'avocat. Manao *raharahan'* ny mpisolo vava izy. || *loc.* Avocat d'—. Mpisolo vava voatendrin' ny mpitsara. 2°—, Fanampiana, soa. Je vous demande vos bons offices pour un de mes amis. Izaho mangataka aminao mba *hanampianao* ny sakaizako. C'est un bon — que vous lui avez rendu. *Soa* tokoa no nataonao taminy. 3°—. Fivavahana atao ao an-trano leglizy. Il assiste à tous les offices. Mamonjy ny *fivavahana* rehetra *atao ao an-trano leglizy* izy. 4°—, Efi-trano fitahirizan-kanina sy fomban-databatra.

OFFICIANT, *adj.* et *sm.* Mpanao lamesa, eveka na pretra mitari-pivavahana ao an-trano leglizy.

OFFICIEL, ELLE, *adj.* Avy amy ny manam-pahefana, —ny fanjakana, ofisialy. Réponse officielle. Valin-teny ataon' *ny manam-pahefana*. Journal —. Gazetim-*panjakana*.

OFFICIELLEMENT, *adv.* Avy amy ny manam-pahefana, — ny fanjakana.

OFFICIER, *vn.* Manao lamesa, mitari-pivavahana ao an-trano leglizy.

OFFICIER, *sm.* Mpanao raharaha, manamboninahitra. — de police. *Mpanao raharaha* amy ny polisy. — d'artillerie. *Manamboninahitra* amy ny rainiolona.

OFFICIEUSEMENT, *adv.* Anampiana. anaovana soa.

OFFICIEUX, EUSE, *adj.* Manampy, manao soa, manasoa, Il est —envers tout le monde. *Manampy*, etc., ny olon-drehetra izy. Mensonge —. Lainga entina *hanampy, hanasoa* namana.

—, *s.* Mpirotoroto loatra mba hanampy olona. Faire l'—. *Mirotoroto loatra mba hanampy olona.*

OFFRANDE, *sf.* 1° Fanatitra, zavatra atolotra. — agréable à Dieu, *Fanatitra* mahafaly an' Andriamanitra. Faire une — Manao *fanatitra, manolotra zavatra.* 2°—, Fandraisan' ny pretra ny fanatitra aterin' ny kristiana.

OFFRANT, *sm.* Au plus —. Amy ny

mpanongona. Les meubles ont été adjugés au plus—. Lasan' ny *mpanongona* ny fanaka.

OFFRE, *sf.* Fanolorana, zavatra atolotra. Faire une—. *Manolotra* zavatra. Refuser des offres. Mandá *zavatra atolotra.*

OFFRIR, *va.* 1° Manolotra. Il m'a offert sa voiture. *Nanolotra* ahy ny kalesiny izy. — son épée à quelqu' un. *Manolotena* mba biady ho an' olona. — de l'encens. *Manolotra* emboka. Je vous offre cent piastres de votre cheval. Izaho *manolotra* anao vola ariary zato ho vidin' ny soavalinao. ‖ *loc.* — le combat. Mihaika ny fahavalo. 2°—, Ahitana, misy. Cette contrée n'offre qu'une triste solitude. Tsy *ahitana*, tsy *misy* afa-tsy efitra mangingina eo amin' izany fari-tany izany. Cette question offre des difficultés. *Misy* zava-tsarotra amin' izany zavatra dinihina izany.

S'offrir, *vpr.* 1° Manolo-tena. Il s'est offert de bonne grâce à y aller. *Nanolo-tena* an-kafaliana mba hankany izy. 2°—, Miseho, misy. Ne vous offrez jamais à ma vue. Aza *miseho* eo anatrehako intsony. Il ne s'offrira jamais d'occasion plus favorable. Tsy *hisy* fotoana tsaratsara kokoa noho izany na oviana na oviana.

OFFUSQUER, *va.* 1° Manakona. Les nuées offusquent le soleil. Ny rahona *manakona* ny masoandro. 2°—, Mampanjambena. Le soleil nous offusque la vue. Ny masoandro *mampanjambena* ny masontsika. 3° *fig.* Mahavery. La colère offusque sa raison. Ny hatezerana *mahavery* ny sainy. 4°—, Mahasosotra, mampanjombona. Le talent de son ami l'offusque. *Mahasosotra,* etc., azy ny fahaizan' ny sakaizany.

S'offusquer, *vpr.* Sosotra, manjombona.

OGIVAL, ALE, *adj.* Misy andohalambo marani-doha.

OGIVE, *sf.* Andohalambo marani-doha.

OGRE, OGRESSE, *s.* 1° Trimobe. 2° *fig.* Olona mahery homan-kanina, olona masiaka.

OH, *int.* Odre ! adre ! — ! quelle chute ! *Odre !* tahalavoana re izany ! —! je me vengerai. *Adre !* hovaliako mafy iny.

OIE, *sf.* 1° Vorombe, gisa. 2° *fig.* Olona ketrina, — tonendrina, — mitandrantandrana, bakakan' olona.

OIGNON, *sm.* 1° Vody. — de dahlia. *Vodin*-dalia. 2°—, Tongolobe, tongolo. — blanc. *Tongolobe* fotsy. Mettre des petits oignons dans un mets. Manisy *tongolo* vazaha amy ny nahandro.

OINDRE, *va.* Manosotra menaka na solika. — une tumeur avec de l'onguent. *Manosotra* menaka ny mivonto. Samuel oignit Saül. Samoela *nanosotra diloilo* any Saola.

OINT, *sm.* Ny voahosotra. Jésus-Christ est l'— du Seigneur. Jeso-Kristy no *voahosotr'* Andriamanitra.

OISEAU, *sm.* Vorona.

OISELER, *vn.* Mamandri-borona.

OISELEUR, *sm.* Mpamandri-borona.

OISEUX, EUSE, *adj.* 1° Midonana-poana, manohon-tánana. Les gens —. Ny olona *midonana-poana,* etc. 2°—, Foana, tsinontsinona. Paroles oiseuses. Teny *foana,* etc.

OISIF, IVE, *adj.* 1° Midonana-poana. Homme —. Lehilahy *midonana-poana.* 2°—, Tsy miasa. Il laisse son argent —. *Tsy mampiasa* ny volany izy.

—, *s.* Mpidonana-poana.

OISILLON, *sm.* Voron-kely.

OISIVETÉ, *sf.* Fidonanaham-poana.

OISON, *sm.* 1° Zana-borombe, gisa kely, vorombe kely. 2° *fig.* Olona ketrina, — tonendrina, bakakan' olona, zanakalo.

OLÉAGINEUX, EUSE, *adj.* 1° Azo anaovana diloilo, — solika. Les olives sont des fruits—. Ny oliva dia voankazo *azo anaovana diloilo.* 2°—, Mitovy amy ny diloilo, — amy ny solika. Matières oléagineuses. Zavatra *mitovy amy ny diloilo,* etc.

OLFACTIF, IVE, *adj.* Amy ny orona. Nerf —. Hozatra *amy ny orona.*

OLIGARCHIE, *sf.* Fanjakana entin' olona vitsivitsy.

OLIGARCHIQUE, *adj.* Momba ny *oligarchie.*

OLIVÂTRE, *adj.* Mivolon' oliva, mitomamotamo. Visage —. Tarehy *mitomamotamo.*

OLIVE, *sf.* Oliva.

OLIVIER, *sm.* Fototr' oliva.

OLOGRAPHE, *adj.* Nosoratan' izy hiany. Testament —. Farahafatra *nosoratan' izy hiany.*

OLYMPE, *sm.* Tendrombohitra nataon' ny mpanompo sampy ho lanitra.

OLYMPIQUE, *adj.* Nataon' ny Grika isan' efa-taona. Jeux olympiques. Lalao *nataon' ny Grika isan' efa-taona.*

OMBILIC, *sm.* Foitra.

OMBILICAL, ALE, *adj.* Momba ny foitra. Cordon —. Tadim-*poitra.*

OMBRAGE, *sm.* 1° Aloka. — frais. *Aloka* mangatsiatsiaka. 2° *fig.* Ahiahy. Il en a pris de l'—. Nanana *ahiahy, nanahy, niahiahy* noho izany izy. Porter—. *Mampiahiahy.*

OMBRAGÉ, ÉE, *adj.* Be alokaloka, malomaloka.

OMBRAGER, *va.* 1° Manaloka. Un arbre ombrage sa maison. Misy hazo anankiray *manaloka* ny tranony. 2° *fig.* Les lauriers ombragent son front. Ny voninahitra manodidina azy.

OMBRAGEUX, EUSE, *adj.* 1° Mora taitra, saro-tahotra. Cheval —. Soavaly *mora taitra,* etc. 2° *fig.* Be ahiahy, miahiahy. Il a un caractère —. *Be ahiahy,* etc., izy.

OMBRE, *sf.* 1° Aloka, alokaloka, tandindona. L'— de la montagne couvre la vallée. Ny *aloky* ny tendrombohitra manaloka ny lohasaha. Il se promène à l'—. Mitsangantsangana amy ny *alokaloka* izy. Se mettre à l'—. *Mialokaloka.* Mettez-vous à l'— de cet arbre. *Mialokalofa* amin' io hazo io. Les ombres sont bien entendues dans ce tableau. Vita tsara ny *aloka* amin' io sary io. L'— suit le corps. Ny *tandindona* manaraka ny vatana. Le plaisir passe comme une —. Mandalo hoatra ny *tandindona* ny hafaliana. 2° *fig.* Ahiahy. Tout lui fait —. *Mampiahiahy* azy avokoa ny zavatra rehetra. 3° —, Ohatra, tandindona. Les sacrifices de l'ancienne loi n'étaient que les ombres du sacrifice de la loi nouvelle. Ny soron' ny lalána taloha dia *ohatra, tandindon'* ny lalána vaovao. 4°—, Avelo, matoatoa. L'— de Samuel. Ny *avelo, matoatoany* Samoela. Une — lui apparut. Nisy *matoatoa* anankiray niseho taminy. ‖ *loc.* Il n'a pas l'— de bon sens. Tsy manan-tsaina na dia kely aza izy. Il passa sa vie dans l'—. Tsy fantatr' olona nandritra ny andro niainany izy. Il n'est plus que l'— de lui-même. Anarany hiany sisa ny heriny, ny voninahiny.

À l'ombre de, *loc. prép.* Arovana. Qu'a-t-il à craindre à l'— d'un si puissant protecteur? Inona no atahorany, raha *arovan'* izany mpiaro be fahefana izany izy?

OMBRELLE, *sf.* Elo kely.

OMBRER, *va.* Manisy aloka amy ny sary.

OMBRETTE, *sm.* Takatra.

OMBREUX, EUSE, *adj.* Malomaloka, maloka. Bois —. Alakely *malomaloka.* Vallée ombreuse. Lohasaha *maloka.*

OMÉGA, *sm.* 1° Litera farany amy ny abidy grika. 2° *fig.* L'alpha et l'—. Ny voalohany sy ny farany.

OMELETTE, *sf.* Lamolety.

OMETTRE, *va.* Mamela, manadino, tsy manao. Il a omis deux mots dans sa lettre. *Namela, nanadino* teny roa izy tamy ny taratasy nampitondrainy.

OMISSION, *sf.* 1° Famelana, fanadinoana, tsy fanaovana. Faire une—. *Mamela, manadino, tsy manao.* 2°—, Zavatra avela, —hadino, — tsy atao. — involontaire. *Zavatra* tsy iniana *avela, hadino* tsy satry. —volontaire. *Zavatra* iniana *avela, — tsy atao.*

OMNIBUS, *sm.* Kalesy lehibe fitondrana olona ao an-tanána.

OMNIPOTENCE, *sf.* Fahefana tsy misy fetra.

OMNIVORE, *adj.* Homana nofo sy zavamaniry. L'homme est—. Ny olona dia *homana nofo sy zava-maniry.*

OMOPLATE, *sf.* Rangomaina.

ON, *pron. ind.* Olona, misy. —dit. Lazain' ny *olona, misy* milaza, hono. — n'est pas toujours heureux. Tsy ambinina mandrakariva ny *olona.*

ONAGRE, *sm.* Ampondra dia.

ONCE, *sf.* 1° Ny ampahenina amby ny folon' ny livatra. 2° *fig.* Il n'a pas une— de bon sens. Tsy manan-tsaina na dia kely aza izy.

ONCLE, *sm.* Rahalahin-dray, anadahindreny.

ONCTION, *sf.* 1° Fanosorana. Faire des onctions. *Manosotra.* L'—du baptême. Ny *fanosorana* amy ny batemy. 2° *fig.* Zavatra mahonéna, —mampangora-po.

ONCTUEUSEMENT, *adv.* Mahonéna, mampangora-po.

ONCTUEUX, EUSE, *adj.* 1° Madilidity. Liqueur onctueuse. Lalikera *madilidity.* 2° *fig.* Mahonéna, mampangora-po. Paroles onctueuses. Teny *mahonéna,* etc.

ONDE, *sf.* 1° Onjan-drano, alon-drano. 2°—, Rano. L'—limpide. Ny *rano* mangarangarana. 3°—, Ranomasina. Le navire vogue sur les ondes. Ny sambo mandeha ambonin' ny *ranomasina.*

ONDÉ, ÉE, *adj.* Misy soratra mivalombalona. Étoffe ondée. Lamba *misy soratra mivalombalona.*

ONDÉE, *sf.* Ranonorana mivatravatra, tandrifin-drahona.

ONDOIEMENT, *sm.* Batemy an-kamehana.

ONDOYANT, ANTE, *adj.* Manonjaonja, mivalombalona. Des drapeaux ondoyants. Saina *mivalombalona.* Les flammes ondoyantes. Ny lelafo *mivalombalona.*

ONDOYER, *vn.* Manonjaonja, mivalombalona.

—, *va.* Manome batemy an-kamehana.

ONDULATION, *sf.* Fivalombalona. Les ondulations du blé. Ny *fivalombalon'* ny varim-bazaha.

ONDULATOIRE, *adj.* Mouvement —. Fivalombalona.

ONDULÉ, ÉE, *adj.* Mivalombalona. Une étoffe ondulée. Lamba *mivalombalona.*

ONDULER, *vn.* Mivalombalona. Le vent fait — l'eau du lac. Ny rivotra *mampivalombalona* ny rano amy ny farihy.

ONDULEUX, EUSE, *adj.* Mivalombalona.

ONÉREUX, EUSE, *adj.* Manahirana. Charge onéreuse. Raharaha *manahirana.*

ONGLE, *sm.* 1° Hoho. Les ongles des pieds. Ny *hohon*-tongotra. Les ongles des chats. Ny *hohon*-tsaka. 2° *fig.* Il a eu sur les ongles. Nolevilevena izy. Savoir une chose sur l'—. Mahay zavatra anankiray tsara dia tsara. Il a de l'esprit jusqu'au bout des ongles. Mahira-tsaina izaitsizy izy.

ONGUENT, *sm.* Menaka fanosorana.

ONZE, *adj. num.* 1° Iraika amby ny folo. 2°—, Faharaika amby ny folo. Page —. Pejy *faharaika amby ny folo.*

—, *sm.* Iraika amby ny folo. Il est parti le — septembre. Lasa tamy ny *iraika amby ny folo* septembra izy.

ONZIÈME, *adj. num. ord.* Faharaika amby ny folo.

—, *sm.* Ny ampaharaika amby ny folony.

ONZIÈMEMENT, *adv.* Faharaika amby ny folo.

OPAQUE, *adj.* Tsy tantera-pahazavana. La terre est —. *Tsy tantera-pahazavana* ny tany.

OPÉRA, *sm.* Karazan-teatra.

OPÉRATEUR, *sm.* Dokotera mpandidy.

OPÉRATION, *sf* 1° Ny atao, ny avy. Les opérations de Dieu. *Ny ataon'* Andriamanitra. Les opérations de la nature. *Ny avy* amy ny fomban-javatra. 2° —, Fandidiana. Ce chirurgien a fait une belle —. Nanao *fandidiana* mahagaga io dokotera io. 3°—, Fanaovana marika, raharaha, varotra, tetik' ady. Multiplier un nombre par un autre est une — d'arithmétique. Ny mampitombo isa anankiray amy ny isa hafa dia *fanaovana marika.* Ce traité de paix a été une belle —. *Raharaha* vita tsara izany fanekem-pihavanana izany. Ce négociant a étendu ses opérations. Io mpivarotra io nanitatra ny *varotra* ataony. On a réglé les opérations de la campagne prochaine. Voaraikitra ny *tetik' ady* harahina amy ny fanafihana ho avy.

OPÉRER, *va.* 1° Manao, mahavita, mahatanteraka. C'est Dieu qui a opéré ces miracles. Andriamanitra no *nanao, nahavita, nahatanteraka* ireo fahagagana ireo. 2°—, Mandidy.

—, *vn.* 1° Miasa. Le médicament opère. *Miasa* ny fanafody. 2°—, Mandidy. 3°—, Manao marika.

S'opérer, *vpr.* Atao, vita, tanteraka.

OPHICLÉIDE, *sm.* Ofikleida, bezoma.

OPHTALMIE, *sf.* Areti-maso.

OPIACÉ, ÉE, *adj.* Misy opioma.

OPINANT, *sm.* Mpilaza ny heviny Tout le monde fut de l'avis du premier —. Niray hevitra tamin' ilay *nilaza ny heviny* voalohany ny olona rehetra.

OPINER, *vn.* Milaza ny heviny.

OPINIÂTRE, *adj.* et *s.* Maditra, etc. Comme Entêté.

—, *adj.* 1° Mikiry, mimokitra, milofo, mimaso, milozoka, mifantsika. Le combat fut —. *Nikirizana, nimokirana, nilofoana* ny ady. Un travail — vient à bout de tout. Tsy misy zavatra tsy vitan' izay *milofo, mimaso, milozoka, mifantsika* amy ny asa. 2° —, Maharitra ela, sarotra sitranina. Fièvre —. Tazo *maharitra ela,* etc.

OPINIÂTRÉMENT, *adv.* Amin-ditra, amim-pikiribibiana, amin-kiry.

OPINIÂTRER, *va.* Mahamafy hatoka, etc. Comme Obstiner.

S'opiniâtrer, *vpr.* 1° Manao ditra, etc. Comme S'obstiner. 2°—, Mikiry, etc. Comme S'acharner.

OPINIÂTRETÉ, *sf.* 1° Di-doba, etc. Comme Obstination. 2° —, Kiry, etc. Comme Acharnement.

OPINION, *sf.* Hevitra, fiheverana, fihe-

vitra, fanaovana ho... Les opinions sont partagées. Misara-*hevitra* izy ireo. Il est attaché à son —. Mikiry amy ny *heviny* izy. C'est une affaire d'—. Samy manana ny *héviny* amin' izany. C'est une —. *Hevitra* mbola tsy fantatra mazava izany. Il brave l'— publique. Tsy asiany raharaha ny *hevitry* ny be sy ny maro. Quelle — avez-vous de cette affaire? Inona no *hevitrao* amin' izany raharaha izany, manao ahoana ny *fiheveranao, fihevitrao* izany raharaha izany? Il a bonne — de lui-même. *Mihevitra, manao* ny tenany *ho* zavatra izy. Je n'ai pas grande — de lui. Tsy *mihevitra*, tsy *manao* azy *ho zavatra* loatra aho. J'ai bonne — de cette affaire. *Alaoko* fa tsara izany raharaha izany.

OPIUM, *sm.* Opioma.

OPPORTUN, UNE, *adj.* Tsara, mety. Dans un temps plus —. Amy ny andro *tsaratsara* kokoa, *metimety* kokoa.

OPPORTUNITÉ, *sf.* Hatsarana, fetezana, fotoana tsara.

OPPOSANT, ANTE, *adj.* et *s.* Mpanohitra, mpisakana.

OPPOSÉ, ÉE, *adj.* 1° Mifanohitra. Ce sont deux caractères opposés. *Mifanohitra* ny toe-panahin' izy ireo. 2° —, Mifanatrika, mifanandrify, mifandafatra. Deux rivages opposés. Moron-drano roa *mifanatrika, mifanandrify.* Deux armées oppsées l'une à l'autre. Tafika roa *mifanatrika*, etc.

—, *sm.* Zavatra mifanohitra amy ny hafa. Il dit tout l'—. Milaza *zavatra mifanohitra amin' izany* izy.

OPPOSER, *va.* 1° Manao mba hanohitra, — mba hisakana. — une batterie à celle des ennemis. *Manao* baterý *mba hanoherana* ny any ny fahavalo. — une digue à l'impétuosité de la mer. *Manao* fefiloha *mba hisakana* ny ranomasina misamboaravoara. 2° *fig.* Milaza mba hanohitra. Il opposa de bonnes raisons. *Nilaza* hevitra tsara *mba hanohitra* izany izy. 3° —, Mampitaha. —les anciens aux modernes. *Mampitaha* ny taloha amy ny ankehitriny.

S'opposer, *vpr.* Manohitra, misakana. Il s'est toujours opposé à mes desseins. *Notoheriny, nosakanany* mandrakariva ny nokasaiko hatao. Il s'oppose à ce mariage. *Misakana* izany fanambadiana izany izy.

OPPOSITE (À L'), *loc. prép.* et *adv.* Mifanatrika, mifanandrify, mifandafatra.

OPPOSITION, *sf.* 1° Fanoherana, sakana, fisakanana. Il a été admis sans —. Voaray tsy nisy *mpanohitra, mpisakana* izy. Il a fait — à cette vente. *Nisakana* ny fivarotana izany zavatra izany izy. 2° —, Fifanoherana. Ils sont toujours en —. *Mifanohitra* lalandava izy ireo. 3° —, Ny andanin'ny mpanohitra ny be sy ny maro amy ny parlementa. Il est de l'—. Isan' *ny andanin' ny mpanohitra ny be sy ny maro amy ny parlementa* izy.

OPPRESSER, *va.* 1° Manempotra, mahasempotra. La chaleur l'oppresse. *Manempotra*, etc., azy ny hafanana. 2° *fig.* Mamoritra. Il est oppressé par un violent chagrin. *Poritry* ny alahelo mafy izy.

OPPRESSEUR, *sm.* Mpampahory, mpamoritra.

OPPRESSIF, IVE, *adj.* Mampahory, mamoritra. Loi oppressive. Lalàna *mampahory*, etc.

OPPRESSION, *sf.* 1° Hasemporana. 2° *fig.* Fampahoriana, fahoriana, famoretana, haporetana.

OPPRIMÉ, ÉE, *s.* et *adj.* Ny ampahorina, izay poritina. Défendre les opprimés. Miaro *ny ampahorina*, etc.

OPPRIMER, *va.* Mampahory, mamoritra. —les faibles. *Mampahory*, etc., ny madinika.

OPPROBRE, *sm.* Fahafaham-baraka, fanalam-baraka. Il est couvert d'opprobres. *Afa-baraka* izy. Il est l'— de sa famille. *Mahafa-baraka, manala baraka* ny fianakaviany izy.

OPTATIF, IVE, *adj.* Misy faniriana. Formule optative. Fombam-pitenenana *misy faniriana.*

OPTER, *vn.* Mifidy. Il faut qu' il opte entre ces deux emplois. Tsy maintsy *hifidy* amin' ireo raharaha roa ireo izy.

OPTICIEN, *sm.* Mpanao na mpivarotra solomaso, — masolavitra, etc.

OPTIMISME, *sm.* Fanaovana ny zavatra rehetra ho tsara.

OPTIMISTE, *adj.* et *s.* Mpanao ny zavatra rehetra ho tsara.

OPTION, *sf* Fifidianana.

OPTIQUE, *sf.* 1° Fahaizana momba ny fahazavana sy ny fijerena. 2° —, Fisehoan-javatra raha lavitra, fijeren-javatra lavitra. C'est une illusion d'—. Hadisoan-kevitra avy amy ny *fisehoan-javatra lavitra*, etc , izany.

—, *adj.* Mampahita, momba ny fijerena. Nerf—. Hozatra *mampahita*, etc.

OPULENCE, *sf.* Harem-be, fananambe. Nager dans l'—. Milomano amy ny *harem-be,* etc.

OPULENT, ENTE, *adj.* Mpanjato be, mpanarivo, mpanefoefo, tremalahy, manontany ny ory.

OPUNTIA, *sm.* Raiketra.

OPUSCULE, *sm.* Boky kely.

OR, *conj.* Ary, amin' izany.

OR, *sm.* 1° Volamena. Chaine d'—. Rojo *volamena.* Drap d'—. Lamba *volamena.* 2°—, Farantsa volamena. Il cherche de l'— pour porter en voyage. Mitady *farantsa volamena* hoenti-mandeha lavitra izy. 3° *fig.* Harena, vola. La soif de l'—. Ny fitsiriritan-*karena,* fitsiriritam-*bola.* ‖ *loc.* Il a acheté cela au poids de l'—. Lanjany no nividianany azy, novidiny volony izany. Il a vendu cela au poids de l'—. Lanjany no nivarotany azy, nataony varo-bolony izany. Il a un cœur d'—. Tsara fo izy. C'est un livre d'—. Boky tsara dia tsara izany. Il est cousu d'—. Mpanefoefo izy.

ORACLE, *sm.* 1° Valin-teny avy amy ny sampy, — anakandriana. Les oracles étaient ordinairement ambigus. Saika mandrakariva nisy hevi-droa ny *valinteny avy amy ny sampy,* etc. 2°—, Sampy, anakandriana. Consulter l'—. Manontany ny *sampy,* etc. 3° *fig.* Zavamarina, didy, fakan-kevitra. Les oracles des prophètes. Ny *zava-marina* voalazan' ny mpaminany. Ses discours sont des oracles. *Marina* dia marina ny teniny rehetra. Les oracles de la justice. Ny *didin'* ny mpitsara. Il est l'— de son pays. Izy no *fakan-kevitra* ao amy ny tanin-drazany.

ORAGE, *sm.* 1° Ranonoram-baratra. Nous avons essuyé un grand —. Tratry ny *ranonoram-baratra* lozan-tany izahay. 2° *fig.* Loza, tabataba, fikorontanana, hatezerana Il a détourné l'—. Naviliny ny *loza* Il s'est dérobé aux orages du monde. Nandositra ny *tabataba,* ny *fikorontanan'* izao tontolo izao izy. Votre père est en colère, laissez passer l'—. Tezitra rainao, ka avelao aloha hionona ny *hatezerany.*

ORAGEUX, EUSE, *adj.* 1° Mitondra ranonoram-baratra, manena orana. Vent —. Rivotra *mitondra ranonoram-baratra,* etc. 2°—, Be ranonoram-baratra. Année orageuse. Taona *be ranonoram-baratra.* 3° *fig.* Zoin-doza, mitabataba, mikorontana. Il a mené une vie orageuse. *Nozoin-doza* tamy ny andro niainany izy. L'assemblée a été orageuse. *Nitabataba, nikorontana* ny fivoriana.

ORAISON, *sf.* 1° Laha-teny. — funèbre. *Laha-teny* ankalazana olona vao maty. 2°—, Fivavahana, fangatahana. L'— dominicale. Ny *fivavahan'* ny Tompontsika. L'— de la Vierge. Ny *fangatahana* fanao aminy Masina Mary. Il est en —. *Mivavaka* izy.

ORAL, ALE, *adj.* Am-bava. Enseignement —. Fampianarana *am-bava.* ‖ *loc.* Tradition orale. Lovan-tsofina.

ORANGE, *sf.* Laoranjy.

—, *adj.* Volon-daoranjy. Un ruban —. Ribà *volon-daoranjy.*

ORANGÉ, ÉE, *adj.* Mivolon-daoranjy.

—, *sm.* Ny volon-daoranjy.

ORANGER, *sm.* Foto-daoranjy.

ORANGERIE, *sf.* Trano ametrahana ny foto-daoranjy sy ny zava-maniry hafa raha ririnina.

ORANG-OUTANG, *sm.* Orangotana, rajako lehibe.

ORATEUR, *sm.* Mpandaha-teny, mpitory teny, mpikabary.

ORATOIRE, *adj.* Momba ny laha-teny. Art —. Fahaizana *mandaha-teny.*

—, *sm.* Efi-trano fivavahana.

ORBICULAIRE, *adj.* Vorivory, manao fari-bolana. Comme CIRCULAIRE.

ORBICULAIREMENT, *adv.* Vorivory, manao fari-bolana.

ORBITE, *sf.* 1° Lálana alehan' ny planeta manodidina ny masoandro. 2°—, Lavaka ipetrahan' ny maso.

ORCHESTRE, *sm.* 1° Fitoeran' ny mpanao zava-maneno amy ny konserta na teatra. 2°—, Mpanao zava-maneno maro.

ORDINAIRE, *adj.* 1° Fanao, mahazatra, andavan' andro, fanao andavan' andro, fahita matetika. C'est sa conduite —. Izany no fitondran-tena *fanaony.* C'est sa manière —. Izany no fanao *mahazatra* azy. Sa dépense — se monte à cent piastres. Ny tontalin' ny laniny *andavan' andro* dia ariary zato. Vin —. Divay fisotro *andavan' andro.* Un événement —. Zavatra *fahita matetika.* 2°—, Isan' ny ankapobem-bahoaka. Homme —. Olona *isan' ny ankapobem-bahoaka.* Voy. COMMUN.

—, *sm.* 1° Fihinana andavan' andro. Il a un bon —, Tsara ny *fihinany anda-*

van' andro. 2°—, Fanao, zavatra mahazatra, fahita matetika. C'est son —. *Fanaony, mahazatra* azy izany. C'est un homme au-dessus de l'—. Tsy *fahita matetika* ny lehilahy tahaka azy. 3°—, Eveka. Religieux soumis à l'—. Relijiozy manaiky ny *eveka.*

A l'ordinaire, *loc. adv.* Araka ny fanao.

D'ordinaire, *loc. adv.* Matetika, mazána, saika mandrakariva. On se repent d'— d'avoir trop parlé. *Matetika,* etc., manenina izay mahery miteny.

ORDINAIREMENT, *adv.* Matetika, mazána, saiky mandrakariva. Voy. GÉNÉRALEMENT.

ORDINAL, *adj. m.* Milaza filaharana. Premier, deuxième, etc., sont des nombres ordinaux. Voalohany, faharoa, etc., dia isa *milaza filaharana.*

ORDINAND, *sm.* Olona hamasinin' ny eveka.

ORDINANT, *sm.* Eveka manamasina olona.

ORDINATION, *sf.* Fanamasinana olona ataon' ny eveka.

ORDONNANCE, *sf.* 1° Fandaharana, filaharana, fandaminana, filaminana, fandrindrana, fandantoana, filantoana. 2°—, Didy, taratasim-panafody. Contrevenir aux ordonnances. Mandika ny *didy.* Voici l'— du médecin. Intý ny *taratasim-panafody* avy amy ny dokotera. 3° —, Miaramila faniraky ny manamboninahitra.

ORDONNATEUR, *sm.* Mpandahatra, mpandamina. L'— du festin. Ny *mpandahatra,* etc., ny fanasana. Le ministre est l'— des dépenses. Ny ministra no *mpandahatra,* etc., ny lany.

ORDONNÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Voalahatra, nalahatra, milahatra, voalamina, nalamina, milamina, voarindra, narindra, mirindra, voalanto, nalanto, milanto. Maison bien ordonnée. Trano *voalamina, nalamina, milamina* tsara. 2°—, Voadidy, nodidiana, nandidiana. Jeûne — par l'Église. Fifadian-kanina *voadidy, nodidian'* ny Eglizy. Faites ce qui vous a été — par votre chef. Ataovy izay *nandidian'* ny lehibe anao. 3°—, Nohamasinina.

ORDONNER, *va.* 1° Mandahatra, mandamina, mandrindra, mandanto. Dieu a ordonné toutes choses. Andriamanitra *nandahatra,* etc., ny zavatra rehetra. Il a bien ordonné son ouvrage. *Nandahatra,* etc., tsara ny zavatra lazainy ao amy ny bokiny izy. Voy. DISPOSER. 2°—, Mandidy, manasa. Le roi me l'a ordonné. Ny mpanjaka no *nandidy* ahy izany. Le médecin lui a ordonné le bain. *Nodidiana, nasain'* ny dokotera hilóna izy. 3° —, Manamasina olona. — un prêtre. *Manamasina olona* ho pretra.

—, *vn.* Mandidy, manarom-po. Vous n'avez qu'à — de toutes choses comme il vous plaira. Azonao *didiana, anaranam-po* araka izay sitrakao ny zavatra rehetra.

ORDRE, *sm.* 1° Fandaharana, filaharana, lahatra, laharana, fandaminana, filaminana, fandrindrana, firindrana, fandantoana, filantoana. Il n'y a point d'— dans ce discours. Tsy *milahatra,* tsy *milamina,* tsy *mirindra* izany laha-teny izany. Mettez les livres en —. *Alaharo,* ataovy tsara *lahatra, alamino* ny boky. Suivre l'— alphabétique. Manaraka ny *filaharana, laharan'* ny alfabety. Les soldats marchaient en — de bataille. Nandroso *nilahatra, nilamina* mba hiady ny miaramila. Il mit de l'— dans les finances. *Nandahatra, nandamina* ny amy ny volam-panjakana izy. 2°—, Fandriana fehizay, fanaikena. L'— règne dans le royaume. *Mandry fehizay* ny fanjakana. Il fit rentrer les mutins dans l'—. *Nampanaikeny* ny mpitabataba. 3°—, Fanao, lalàna, ny mety, lahatra, fandaharana, fandidiana, didy. Ce que vous faites est dans l'—. Araka ny *fanao,* ny *lalána, ny mety* izany ataonao izany. L'— social fut ébranlé par cette révolution. Saika ravan' izany fikorontanana izany ny *lalána* lehibe iankinan' ny fanjakana. Cela est dans l'— de la Providence. Araka ny *lahatr'* Andriamanitra izany. Il est soumis aux ordres de la Providence. Manaiky ny *lahatr'* Andriamanitra izy. J'attends vos ordres. Miandry ny *fandaharanao,* ny *fandidianao,* ny *didinao* aho. Il a exécuté vos ordres. Tanterany ny *didinao.* 4° —, Antokony, lahatra, filaharana, fikambanana, fanamasinana olona. L'— de la noblesse. Ny *antokon'* ny andriana. C'est un ange du premier —. Amy ny *antokony, laharana* voalohany izany anjely izany. C'est un talent du premier —. Amy ny *laharana* voalohany izy amy ny saina. — religieux. *Fikambanan*-drelijiozy. Il a reçu hier l'— du diaconat. Nasandratra tamy ny *laharana, filaharan'* ny diakra izy omaly.

nohamasinina ho diakra izy omaly.

ORDURE, *sf.* 1° Diky, loto, fako, fikótra. 2° *fig.* Teny maloto, zavatra vetaveta.

ORDURIER, IÈRE, *adj.* et *s.* Tia teny maloto, tia zavatra vetaveta, vetaveta.

OREILLE, *sf.* 1° Sofina, tadíny. Avoir l'— fine. Malady *sofina*. Tirez-lui l'—. *Sofino* izy. Se boucher les oreilles. Manentsin-*tsofina*, etc. Faire la sourde —. Mamono *sofina*. Cela lui entre par une— et lui sort par l'autre. Miditra amy ny *sofiny* anila izany, fa mivoaka a ny ny anankiray. Prêter l'—, ouvrir l'—. Mampandry *sofina*, manongilan-*tsofina*. Dire un mot à l'— de quelqu'un. Manao toho-*tsofina* olona. Les oreilles d'un soulier. Ny *sofin*-kiraro. Les oreilles d'une écuelle. Ny *sofin*-dovia. 2°—, Fandrenesana, fihainoana. Il est dur d'—. Tsy *mandre* loatra, lalodalovana, marenindrenina izy. Si cela vient aux oreilles de votre père, vous recevrez une forte réprimande. Raha *ren*-drainao izany, dia holevileveny mafy hianao. Ne lui parlez point de restituer, il n'a point d'oreilles pour cela. Aza mananatra azy mba hanonitra, fa tsy mety *mihaino* izany izy. Il a l'— de ce ministre. *Henoin'* izany ministra izany teny izy. ‖ *loc.* Dormir sur les deux oreilles. Mandry fehizay, tsy manana ahiahy. Je lui donnerai sur les oreilles, je lui frotterai les oreilles. Horehetako mafy izy. Il s'est fait tirer l'—. Nanahirana izy vao nanaiky. Tenir le loup par les oreilles. Sahirana dia sahirana tsy mahita hialana. Il est crotté jusqu' aux oreilles. Feno fotaka hatrany antampon-dohany izy.

OREILLER, *sm.* Ondana. Une pierre lui sert d'—. Vato anankiray no *iondanany, miondam*-bato izy.

ORFÈVRE, *sm.* Mpanefy volamena.

ORFÈVRERIE, *sf.* Fanefem-bolamena, tefy volamena.

ORGANE, *sm.* 1° Organa, faharenesana, fandrenesana. L'— de la vue. Ny *organa* mampahita, ny maso. L'— de l'ouïe. Ny *organa* mampandre, ny sofina. Les organes des sens. Ny *faharenesana*, *fandrenesana* rehetra. Les feuilles sont des organes essentiels des végétaux. Ny ravin-kazo no *organa* ilain' ny zava-maniry indrindra. Les muscles sont les organes du mouvement. Ny hozatra no *organa* mampihetsika. 2°—, Feo. Il a un bel —. Tsara *feo* izy. 3° *fig.* Solom-bava, alálana, mpanalálana. Il est l'— du prince. *Solom-bavan'* ny mpanjaka izy. Il m'a servi d'— auprès du ministre. Izy no *alalako, mpanalalana* ahy tamy ny ministra.

ORGANIQUE, *adj.* 1° Misy organa, manana aina, misy aina. Corps —. Zavatra *misy organa*, etc. 2° — Mandahatra, mandamina. Loi —. Lalàna *mandahatra*, etc.

ORGANISATEUR, TRICE, *adj.* et *s.* Mpandahatra, mpandamina.

ORGANISATION, *sf.* 1° Ny filahatry ny organa. L'— du corps humain. Ny *filahatry ny organa* amy ny tenan' ny olona. 2° —, Fandaharana, filaharana, filahatra, fandaminana, filaminana.

ORGANISÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Misy organa milahatra, misy organa, manana aina, misy aina. Un corps bien —. Vatana *misy organa milahatra* tsara. Les minéraux ne sont pas des êtres organisés. Tsy *misy organa*, tsy *manana aina*, tsy *misy aina* ny mineraly. 2° *fig.* Voalahatra, nalahatra, milahatra, voalamina, nalamina, milamina, lalina. Une tête bien organisée. Olona *lalin*-tsaina.

ORGANISER, *va.* 1° Mandahatra ny organa. 2° *fig.* Mandahatra, mandamina. — une armée. *Mandahatra*, etc., tafika.

S'organiser, *vpr.* 1° Miforona. Le corps s'organise peu à peu. *Miforona* tsikelikely ny vatana. 2° *fig.* Mihamilahatra, mihamilamina.

ORGANISME, *sm.* Fiasan' ny organa. L'— du corps humain est une assemblage de merveilles. Misy zavatra betsaka mahagaga ny *fiasan' ny organa* ao amy ny tenan' ny olona.

ORGANISTE, *sm.* Mpitendry organa, —armonia.

ORGE, *sf.* Karazam-barim-bazaha.

ORGEAT, *sm.* Karazan-java-mamy fisotro.

ORGELET, *sm.* Aretina takodimena.

ORGIE, *sf.* Filerana, fibobohana.

ORGUE, *sm.* **ORGUES,** au *pl.* *sf.* 1° Organa. Souffleur d'—. Mpifofotra *organa*. 2° —de Barbarie. Sarinety lehibe.

ORGUEIL, *sm.* 1° Fiavonavonana, avonavona. Il est bouffi d'—. Vonton' ny *fiavonavonana*, etc., izy. 2° —, Hasahiana. J'ai l'— de croire que je ne suis pas indigne de votre amitié. *Sahiko* lazaina fa mendrika hisakaiza aminao aho-

ORGUEILLEUSEMENT, *adv.* Anavonavona.

ORGUEILLEUX, EUSE, *adj.* 1° Miavonavona. Esprit —. Olona *miavonavona*. 2° —, Be fiavonavonana, be avonavona. Il fit une réponse orgueillense. Nanao valin-teny *be avonavona* izy.

—, *s.* Mpiavonavona. Dieu humilie les —. Andriamanitra manetry ny *mpiavonavona*.

ORIENT, *sm.* 1° Atsinanana. Comme Est. 2° —, Azia. Visiter l'—. Mivahiny any *Azia*.

ORIENTAL, ALE, *adj.* 1° Any atsinanana. Régions orientales. Tany *any atsinanana*. 2° —, Any Azia. Les langues orientales. Ny fitenin' ny *any Azia*.

Orientaux, *sm. pl.* Mponina any Azia.

ORIENTALISTE, *sm.* Mpahay ny fitenin' ny any Azia.

ORIENTATION, *sf.* Fampifanarahana amy ny atsinanana na amy ny vazan-tany hafa.

ORIENTER, *va.* Mampifanaraka amy ny atsinanana na ny vazan-tany hafa.

S'orienter, *vpr.* 1° Mamantatra ny atsinanana na ny vazan-tany hafa. 2° *fig.* Mandinika.

ORIFICE, *sm.* Vava. L'— d'une vessie. Ny *vava* tatavia.

ORIFLAMME, *sf.* Faneva.

ORIGINAIRE, *adj.* Avy. Il est — d'Italie. Italiana no *nihaviany*.

ORIGINAIREMENT, *adv.* Taloha, avy.

ORIGINAL, ALE, *adj* 1° Nataon' ny mpamorona, natao voalohany, tena, angalan-tahaka. andikana. Tableau —. Sary *nataon' ny mpamorona*. L'acte — n'existe plus. Very ny taratasim-panekena *natao voalohany*. Le manuscrit — est égaré. Very ny *tena* sora-tánany. 2° —, Vaovao, mamosaka toe-tsary vaovao, mamosaka fandaha-teny vaovao. Expression originale. Fombam-pitenenana *vaovao*. C'est un peintre —. Mpanoso-doko *mamosaka toe-tsary vaovao* izy. C'est un écrivain —. Mpamorom-boky *mamosaka fandaha-teny vaovao* izy. 3° —, Hafahafa. Il a un caractère —. *Hafahafa* toetra izy.

—, *sm.* 1° Sary nataon' ny mpamorona, taratasy natao voalohany, ny angalan-tahaka, ny andikana. Il a des originaux des plus excellents peintres. Manana *sary nataon'* ny mpanoso-doko malaza indrindra izy. Voilà l'— du contrat. Ity ny *taratasim*-panekena *natao voalohany*. Il est difficile de distinguer la copie de l'—. Sarotra ny mamantatra ny kopia sy *ny nangalan-tahaka*. La traduction s'éloigne ici de l'—. Hafa kely amy *ny nandikana* azy eto ny dikany. 2° —, Ny alain-tsary. 3° —, Olona hafahafa. Voy. Bizarre.

ORIGINALITÉ, *sf.* 1° Havaovao. Son style a de l'—. *Vaovao* ny fandaha-teniny. 2° —, Hahafahafa, toetra hafahafa. Son — le rend ridicule. Tonga fihomehezana izy amy ny *hahafahafany*, amy ny *toetrany hafahafa*.

ORIGINE, *sf.* 1° Ny iandohana, ny iantombohana, ny ihaviana, fototra. Dès l'— du monde. Hatramy ny *niandohana, niantombohan'* izao tontolo izao. On ne connaît pas l'— de sa fortune. Tsy fantatra *ny nihavian'* ny hareny. L'— d'un mot. *Ny nihavian'* ny teny iray. Une mauvaise plaisanterie a été l'— de cette guerre. Kivazivazy ratsy no *nihaviana, fototr'* izany ady izany. 2° —, Fototra ihaviana, loharano isehoana, firazanana, firenena. Nous avons tous la même —. *Fototra* iray no *nihaviantsika, loharano* iray *nisehoana* isika rehetra. Il est de basse —. Iva *razana* izy. Il est Français d'—. Frantsay ny *razany*, ny *fireneny*.

Dans l'origine, *loc. adv.* Tamy ny voalohany.

Dès l'origine, *loc. adv.* Hatramy ny voalohany.

ORIGINEL, ELLE, *adj.* Voalohany, tamy ny fototra. Elle a conservé son innocence originelle. Nitahiry ny fahadiovany *voalohany* izy. Péché —. Fahotana *tamy ny fototra*.

ORIGINELLEMENT, *adv.* Hatramy ny voalohany.

ORIPEAU, *sm.* 1° Takela-barahina mamirapiratra hoatra ny volamena. 2° —, Amborodao misy ankoso-bolamena. 3° *fig.* Renty ankosoka.

ORME, ORMEAU, *sm.* Karazan-kazo.

ORNEMENT, *sm.* 1° Haingo, ravaka, endrika, renty. Ce meuble n'est que pour servir d'— à ma chambre. Io fanaka io dia *haingo, ravaka, endrika* fotsiny hiany ao an-tranoko. Les ornements de cet édifice n'ont pas été soignés. Tsy vita tsara ny *haingo,* ny *ravaka,* ny *rentin'*

io trano io. 2° *fig.* Haingo, ravaka, renty. Ce discours est chargé d'ornements. Be *haingo*, be *renty* loatra io laha-teny io. Il était l'— de la cour. Izy no *ravaky* ny tao anaty rova. 3°—, *pl.* Akanjo fitondra manao lamesa.

ORNEMENTATION, *sf.* Fampihaingoana, fandravahana.

ORNEMENTER, *va.* Mampihaingo, mandravaka.

ORNER, *va.* 1° Mampihaingo, mandravaka, manendrika, mandrenty. Les glaces ornent bien un appartement. Ny fitaratra *mampihaingo, mandravaka, manendrika* ny efi-trano. — une église. *Mampihaingo, mandravaka, mandrenty* ny trano leglizy. 2° *fig.* Mampihaingo, mandravaka, mandrenty. — son langage. *Mampihaingo, mandrenty* ny laha-teniny. Les vertus ornent l'âme. Ny hatsaram-panahy *mandravaka* ny fanahy. Voy. Embellir.

S'orner, *vpr.* Mampihaingo tena, mihaingo, miravaka. La campagne s'orne de fleurs. *Miravaka* voninkazo ny any antsaha.

ORNIÈRE, *sf.* 1° Dian-tsarety. 2° *fig.* Ny mahazatra, fahazarana. Il ne peut pas sortir de l'—. Tsy afa-miala amy *ny mahazatra* azy, amy ny *fahazarany* izy.

ORNITHOLOGIE, *sf.* Fahaizana momba ny vorona.

ORNITHOLOGISTE ou **ORNITHOLOGUE,** *sm.* Mpahay ny momba ny vorona.

ORPHELIN, INE, *s.* Kamboty. — de père. *Kamboty* velon-dreny.

ORPHELINAT, *sm.* Trano fitaizana sy fampianarana ny kamboty.

ORPHÉON, *sm.* Fampianaran-kira, fikambanan' ny mpihira maro.

ORTEIL, *sm.* 1° Rantsan-tongotra. 2° —, Ankiben-tongotra.

ORTHODOXE, *adj.* et *sm.* Manaraka ny finoana marina.

ORTHODOXIE, *sf.* Fanarahana ny finoana marina.

ORTHOGRAPHE, *sf.* Fanoratana ny teny samihafa araka ny fanao, ortografy.

ORTHOGRAPHIER, *va.* Manoratra ny teny samihafa araka ny fanao.

S'orthographier, *vpr.* Soratana araka ny fanao. Comment s'orthographie ce mot ? Ahoana no *fanoratra* io teny io ?

ORTHOGRAPHIQUE, *adj.* Momba ny ortografy.

ORTIE, *sf.* Zava-maniry misy lay, agy.

ORTOLAN, *sm.* Karazam-borona fihaza.

OS, *sm.* Taolana.

OSCILLATION, *sf.* 1° Fikivilivily, fisavilivily, fikipilipily. Les oscillations du pendule. Ny *fikivilivily*, etc., ny kapilim-pamantaranandro. 2° —, Fihevingevina. Les oscillations d'un navire. Ny *fihevingevin'* ny sambo. 3° *fig.* Fiovaovana. Les oscillations de l'opinion. Ny *fiovaovan'* ny hevitry ny olona.

OSCILLATOIRE, *adj.* Mikivilivily, misavilivily, mikipilipily.

OSCILLER, *vn.* Mikivilivily. misavilivily, mikipilipily.

OSÉ, ÉE, *adj.* Sahy.

OSEILLE, *sf.* Kamasina.

OSER, *va.* Sahy. Il a osé résister. *Sahy* nanohitra izy.

OSIER, *sm.* Karazan-tsimbilaotra.

OSSELET, *sm.* 1° Taolana madinika. 2° —, *pl.* Taolana madinika anaovan' ny ankizy madinika tanisa.

OSSEMENTS, *sm. pl.* Korontan-taolana.

OSSEUX, EUSE, *adj.* Tena taolana. Substance osseuse. *Taolana.*

OSSIFICATION, *sf.* Fanjariana ho taolana.

OSSIFIER, *va.* Mampanjary ho taolana.

S'ossifier, *vpr.* Manjary ho taolana.

OSTENSIBLE, *adj.* 1° Azo aposaka. Lettre —. Taratasy *azo aposaka*. 2° —, Miharihary. Vérité —. Zavatra marina *miharihary*.

OSTENSIBLEMENT, *adv.* An-kariharv.

OSTENSOIR, *sm.* Ostansoara.

OSTENTATION, *sf.* Rehareha, rehaka. Il fait — de son savoir. *Mirehareha, mirehaka* amy ny fahaizany izy.

OSTROGOTH, *sm.* Olona tsy mahalala fomba.

OTAGE, *sm.* Olona na tanàna atao antoka.

ÔTER, *va.* 1° Manesotra, manala, miala. Ôtez la table. *Esory* ny latabatra. On lui a ôté son emploi. *Nesorina* tamy ny raharahany izy. Ôtez cette tache. *Esory* izany loto izany. Ôtez votre épée. *Esory* ny sabatrao. — son pantalon. *Manesotra, manala* ny patalohany. Il n'a pas ôté son chapeau. Tsy *niala* sa-

troka izy. De cinq ôtez deux. *Anesory, analao* roa ny dimy. 2° —, Manafaka. Ces pilules ôteront le mal. Ireo pilina ireo *hanafaka* ny aretina. Ôtez-moi cette inquiétude. *Afaho* amin' izany ahiahy izany aho. || *loc.* — la vie à quelqu'un. Mahafaty olona. — sa confiance à quelqu'un. Tsy matoky olona intsony.

S'ôter, *vpr.* Miesotra, miala. Ôtez-vous de ma place. *Miesora, mialá* amy ny fitoerako.

OU, *conj.* Sa, na. Ferez-vous cela oui — non? Hataonao va izany *sa* tsia? Portez-le mort — vif. Ento izy *na* maty *na* velona.

OÙ, *adv.* 1° Aiza, ho aiza, izay. — est-il? *Aiza* izy? — allez-vous? *Ho aiza, hankaiza* hianao? — que vous alliez. Na *aiza* na *aiza* halehanao. Il est allé je ne sais —. Tsy fantatro *izay* nalehany. La maison — je demeure. Ny trano *izay* itoerako. D'— venez-vous? Avy *aiza*, avy *taiza* hianao? D'— a-t-il pris cela? *Taiza* no nangalany izany? Par — avez-vous passé? *Taiza* no nandalovanao? 2° —, Inona. — tend ce discours? *Inona* no iafaran'izany resaka izany? D'— lui vient cet orgueil? *Inona* no fototr' izany fiavonavonana izany? D'— vient que vous faites cela? *Inona* no antony anaovanao izany?

OUAILLE, *sf.* Ondry (kristiana). Les ouailles connaissent la voix de leur pasteur. Ny *ondry* mahalala ny feon' ny mpiandry azy.

OUATE, *sf.* Vohavohan-dandihazo.

OUATER, *va.* Manisy vohavohan-dandihazo.

OUBLI, *sm.* 1° Fanadinoana, fatiarika. C'est par — que j'ai manqué au rendez-vous. Ny *fanadinoana*, ny *fatiarika* hiany no nahadiso fotoana ahy. Il est tombé dans l'—. Efa *hadino* izy. 2° —, Tsy fitandremana, tsy fahatsiarovana, fanarian-dia, tsy fitandrovana, tsy fiheverana ny tena.

OUBLIER, *va.* 1° Manadino. Il a oublié la commission. *Nanadino* ny hafatra izy. Il a oublié la clef. *Nanadino* ny fanalahidy izy. Je n'oublierai pas vos bienfaits. Tsy *hohadinoiko* ny soa nataonao ahy. Que Dieu daigne — nos fautes! Aoka Andriamanitra *hanadino* ny helotsika! Depuis qu'il a fait fortune, il oublie ses parents. Hatramy ny nahazoany harena dia *manadino* ny havany izy. Vous avez oublié son nom. *Hadinonao* ny anarany. 2° —, Tsy mitandrina, tsy mahatsiaro, manary dia, tsy mitandro, tsy tsapany. Il oublie ses affaires. *Tsy mitandrina* ny raharahany izy. Il oublie ses devoirs. *Tsy mitandrina* izay tokony hataony izy. Il m'a oublié dans son testament. *Tsy notsaroviny* aho tamy ny izy nandidy fananana. Il oublie son mal. *Manary dia* ny aretiny izy. Il oublie sa grandeur. *Tsy mitandro* ny voninahiny izy, *tsy tsapany* ny voninahiny.

S'oublier, *vpr.* 1° Hadinoina. Les bienfaits s'oublient. *Hadinoina* ny soa atao. 2° —, Tsy mahatsiaro tena, tsy mihevitra ny tenany, tsy tsapany ny tenany. Il s'est oublié jusqu'à frapper sa femme. *Tsy nahatsiaro tena* izy, ka nikapoka ny vadiny. Il s'oublie pour faire du bien aux autres. *Tsy mihevitra ny tenany* izy, *tsy tsapany ny tenany* mba hanasoa ny namany.

OUBLIETTES, *sf. pl.* Tranomaizina taloha.

OUBLIEUX, EUSE, *adj.* Maty arika, mora manadino.

OUEST, *sm.* Andrefana. Aller du côté de l'—. *Miankandrefana*. Les provinces de l'—. Ny fari-tany any *andrefana*.

OUF, *int.* Dray! dry!

OUI, *adv.* Eny, aikany. Avez-vous fait cela? —. Moa nataonao izany? *Eny*, etc. Oui-da. *Aikany*.

—, *sm.* Eny. On vous demande un — ou un non. Lazao *eny* na tsia.

OUÏ-DIRE, *sm.* Hono, tsahotsaho, sahoa. Ce n'est qu'un —. *Hono*, etc., fotsiny izany.

OUÏE, *sf.* Fandrenesana, sofina. Il a mauvaise —. Tsy *mandre* loatra, lalodalovana izy. Il a l'— bonne. Malady *sofina* izy.

OUÏES, *sf. pl.* Sofin-kazandrano.

OUÏR, *va.* Mandre, mihaino. Avez-vous ouï dire cette nouvelle? Moa *nahare* izany zava-baovao izany hianao? — des témoins. *Mihaino* vavolombelona.

OURAGAN, *sm.* Tafio-drivotra.

OURDIR, *va.* 1° Manány. — une toile. *Manány* lamba. 2° *fig.* Mifoko, mioko. — un complot. *Mifoko*, etc., mba hanao teti-dratsy.

OURDISSAGE, *sm.* Fananiana.

OURDISSEUR, EUSE, *s.* Mpanány.

OURDISSOIR, *sm.* Fántaka fananiana.

OURLER, *va.* Manjai-doha lamba, manjongy, mandify.

OURLET, *sm.* Jongy, dify.

OURS, *sm.* 1° Orsa. 2° *fig.* C'est un —. Olona miolonolona izy. — mal léché. Olona tefy maika, ratsy tarehy, dondrina, tsy mahalala fomba. Il ne faut pas vendre la peau de l'— avant qu'on l'ait pris. Valala tsy an-tánana tsy atolojaza.

OURSE, *sf.* Orsavavy.

OURSON, *sm.* Zanak' orsa.

OUTIL, *sm.* Fiasana, fanaovan-javatra. Outils de jardinage. *Fiasan'* ny mpamboly zarday. Les outils d'un charpentier. Ny *fiasana*, etc., ny mpandrafitra.

OUTILLÉ, ÉE, *adj.* Manana fiasana, — fanaovan-javatra.

OUTILLER, *va.* Mamonona fiasana, — fanaovan-javatra.

S'outiller, *vpr.* Mivonom-piasana, — fanaovan-javatra.

OUTRAGE, *sm.* 1° Fanevatevana, faniratsirana, fanalam-baráka. 2° *fig.* Faire — à la raison. Milaza na manao zavatra mifanohitra amy ny marina.

OUTRAGEANT, ANTE, *adj.* Manevateva, maniratsira, manala baráka. Paroles outrageantes. Teny *manevateva*, etc.

OUTRAGER, *va.* 1° Manevateva, maniratsira, manala baráka. On l'a outragé dans sa personne. Ny tenany hiany no *notevatevaina, notsiratsiraina, nalam-baráka*. Il a été outragé en son honneur. *Nalam-baráka* ny voninahiny. 2° *fig.* Mifanohitra.

OUTRAGEUSEMENT, *adv.* Amimpanevatevana, amim-paniratsirana, amim-panalam-baráka.

OUTRAGEUX, EUSE, *adj.* Manevateva, maniratsira, manala baráka.

OUTRANCE (À), *loc. adv.* Izaitsizy, mafy dia mafy. Se battre à —. Miady *izaitsizy*, etc.

OUTRE, *sf.* Hoditr' osy fasian-divay.

OUTRE, *prép.* 1° An-dafy, am-pita. Les guerres d'— mer. Ny ady atao any *an-dafy*, etc., ny ranomasina. 2° —, Afa-tsy, fanampiny. — la somme convenue, je lui ai donné dix francs. *Afa-tsy* ny vola nifanekena, izaho nanome azy ariary roa, nomeko ariary roa ho *fanampin'* ny vola nifanekena izy.

—, *adv.* Lavitra kokoa. La nuit l'empêcha de passer —. Ny alina nisakana azy mba tsy handroso *lavitra kokoa*.

En outre, *loc. adv.* Fanampin' izany. Je lui ai donné une piastre et en — je l'ai nourri. Nomeko farantsa izy, ary *fanampin' izany* koa dia namelona azy aho.

D'outre en outre, *loc. adv.* Percer d'— en —. Maninteraka, managorobaka.

Outre mesure, *loc. adv.* Voy. MESURE.

OUTRÉ, ÉE, *adj.* 1° Diso ohatra, mihoa-pampana, be loatra. Louanges outrées. Fiderana *diso ohatra*, etc. 2° *fig.* Misafoaka, mifoaba. — de colère. *Misafoaka*, etc. Il est — de vos refus. *Misafoaka*, etc., noho ny fandávana nataonao izy.

OUTRECUIDANCE, *sf.* Fihamboana, firehaka. Il parle avec —. *Mihambohambo* fiteny izy, *mirehaka* izy raha miteny.

OUTRECUIDANT, ANTE, *adj.* et *s.* Mihambohambo, mirehaka.

OUTREPASSER, *va.* Manao mihoatra. Il a outrepassé mes ordres. *Nanao mihoatra* ny nandidiako azy izy.

OUTRER, *va.* 1° Manitatra loatra. Il a outré cette comparaison. *Nanitatra loatra* izany fanoharana izany izy. 2° *fig.* Mahatezitra, mampisafoaka, mampifoaba.

OUVERT, ERTE, *p.* et *adj.* 1° Voavoha, novohana, mivoha, voasokatra, nosokafana, misokatra, voabanabana, nabanabana, nobanabanaina, mibanabana, voadanadana, nadanadana, nodanadanaina, midanadana, voatanatana, natanatana, notanatanaina, mitanatana, voasanasana, nasanasana, nosanasanaina, misanasana. 2° —, Voavaky, novakina, vaky, voadidy, nodidiana, voavelatra, novelarina, mivelatra, voasaraka, nosarahina, misaraka, voahataka, nahataka, mihataka. 3° —, Nasiana, natao, voahady, nohadina. 4° *fig.* Voatomboka, natomboka, manomboka, miantomboka, voaorina, naorina. 5° —, Mamboraka ny ao am-po, tsy manao an-kifonofono, tsotra. C'est un homme —. Olona *mamboraka ny ao am-pony*, etc., izy. Parler à cœur —. *Mamboraka ny ao am-po.* || *loc.* Guerre ouverte. Ady voalaza. Cette ville est ouverte. Tsy misy fiarovana izany tanána izany. Ce port est — à tous les étrangers. Azon' ny vahiny rehetra idirana izany seranana izany. Recevoir à bras ouverts. Mandray amin-kafaliana. Expliquer à livre —. Mandika boky tsy mi-

fidy. Il a l'esprit —. Haingan-tsaina izy.

OUVERTEMENT, *adv.* An-karihary, ampahibemaso, tsotra.

OUVERTURE, *sf.* 1° Loaka, vaky, varavarana, vava. Il y a une grande—à la muraille. Misy *loaka* makadiry amy ny rindrina. L'eau s'insinue par les plus petites ouvertures. Ny rano miditra amy ny *loaka, vaky* madinika indrindra. Ce bâtiment a trop d'ouvertures. Betsaka loatra ny *varavarana* amin' io trano io. L'— du silo est trop petite. Kely loatra ny *vava* lava-bary. 2°—, Famohana, fanokafana, fisokatra. L' — d'un compas. Ny *fisokatry* ny kompá. 3°—, Famakiana, fandidiana, famelarana. 4° *fig.* Fiantombohana. Dès l'—du parlement. Tamy ny *niantombohan'* ny parlementa. 5°—, Famosahan-kevitra, filazana, fanambarana, famborahana. Il a fait des ouvertures de paix. *Namosaka hevitra* mba hanao fanekem-pihavanana izy. Il n'a pas écouté mes ouvertures. Tsy nihaino ny *hevitra naposako* izy. Il m'a fait des ouvertures utiles. *Nilaza, nanambara* zavatra mahasoa tamiko izy. 6°—, Izay. Je ne vois aucune — pour parvenir à mon but. Tsy fantatro *izay* hahatanterahako ny nokendreko.

OUVRABLE, *adj.* Azo iasana. Jour—. Andro *azo iasana.*

OUVRAGE, *sm.* 1° Asa, asan-tánana, taozavatra, lahasa, raharaha. L'univers est l'— de Dieu. *Asa, asan-tánan'* Andriamanitra izao tontolo izao. Commencez votre—. Atombohy ny *asanao,* ny *taozavatrao,* ny *lahasanao,* ny *raharahanao.* Cet ouvrier n'a point d'—. Tsy manan-*dahasa,* tsy manan-*draharaha* io mpiasa io. Cette femme a toujours son — à la main. Manan-*taozavatra* mandrakariva ao an-tánany io vehivavy io. 2°—, Fanaovana, fiasana, fanaovan-draharaha. Ce bâtiment sera l'— de deux ans. Haharitra roa taona ny *hanaovana* io trano io. Il ne s'est pas encore mis à l'—. Tsy mbola nanomboka *hiasa, hanao raharaha* izy. 3°—, Boky. Publier un —. Mamoaka *boky.*

OUVRAGÉ, ÉE, *adj.* Nokalina. Broderie très ouvragée. Amboradara *nokalina* fatratra.

OUVRÉ, ÉE, *adj.* 1° Misoratsoratra. Du linge —. Lamba *misoratsoratra.* 2° —, Voatefy. Fer —. Vy *voatefy.*

OUVRER, *va.* Manao, manefy. — de la monnaie. *Manao,* etc., vola.

OUVRIER, IÈRE, *s.* Mpiasa, mpanao taozavatra. Habile —. *Mpiasa* mahay. Habile ouvrière. Vehivahy *mpanao taozavatra* mahay.

—, *adj.* 1° Miasa, manao taozavatra. Classe ouvrière. Olona *mpiasa, mpanao taozavatra.* 2° —, Azo iasana. Jour —. Andro *azo iasana,* andavanandro, ankobanandro. || *loc.* Cheville ouvrière. Hombo vy ikambanan' ny tánan-kalesy amy ny tenany; *fig.* olona foto-draharaha anankiray.

OUVRIR, *va.* 1° Mamoha, manokatra, manabanabana, manadanadana, manatanatana, manasanasana. — une porte, une armoire. *Mamoha* varavarana, lalomoara. Cette clef ouvre plusieurs serrures. *Mahavoha* hidin-trano maro ity fanalahidy ity. — une caisse, une lettre. *Manokatra* vata, taratasy ampitondraina. — les yeux. *Manokatra* ny maso; *fig.* mahatsiaro, mijery, mahita. — la bouche. *Manokatra* ny vava; *fig.* miteny, miloa-bava. Ouvrez tout à fait la porte. *Abanabanao, adanadanao, atanatanao* ny varavaram-be. Ouvrez bien la bouche. *Atanatanao, asanasanao* ny vavanao. 2° —, Mamaky, mandidy, mamelatra, mampisaraka, mampihataka. Ouvrez cette pomme. *Vakio, didio* io poma io. — un abcès. *Mandidy* vay. — un livre. *Mamelatra* boky. — les bras. *Mamelatra* tánana. Ouvrez les rangs. *Saraho, ahataho* ny laharana. 3° —, Manisy, manao, mihady. — une fenêtre dans le mur. *Manisy, manao* varavaran-kely amy ny rindrina. — un canal. *Manao, mihady* lakan-drano. 4° *fig.* Manomboka, manorina. — la danse. *Manomboka* ny dihy. — la lice. *Manomboka* hifaninana. — boutique. *Manomboka* trano fivarotana. — une école. *Manorina* trano fianarana. 5° —, Mamboraka, manitatra. — son cœur à quelqu'un. *Mamboraka* ny ao am-pony amin' olona. L'étude ouvre l'esprit. *Manitatra* ny saina ny fianarana. || *loc.* Ce mets ouvre l'appétit. Mampazoto homana izany laoka izany.

—, *vn.* 1° Manomboka, miantomboka. La chasse ouvre aujourd'hui. *Manomboka,* etc., anio ny fihazana. 2° —, Mitodika. La fenêtre ouvre sur la rivière. Ny varavaran-kely *mitodika* any amy ny renirano.

S'ouvrir, *vpr.* 1° Mivoha, misokatra, mibanabana, midanadana, mitanatana, mi-

sanasana. 2°—, Mivelatra, misaraka, mihataka. Les fleurs s'ouvrent. *Mivelatra* ny voninkazo. La foule s'ouvrit devant lui. *Nisaraka, nihataka* tao anatrehany ny vahoaka. 3° *fig.* Manomboka. Son cœur s'ouvrit à la joie. *Nanomboka* nifaly ny fony. 4°—, Mamboraka ny ao am-po. S'—à quelqu'un. *Mamboraka ny ao am-po* amin' olona.

OUVROIR, *sm.* Trano fanaovan-taozavatra.

OVAIRE, *sm.* Fiforonan' ny atody.

OVALE, *adj.* et *sm.* Mitarehin' atody. Table —. Latabatra *mitarehin' atody.*

OVATION, *sf.* Hoby, fihobena.

OVIPARE, *adj.* Manatody.

—, *sm.* Biby manatody.

OXYDE, *sm.* Oksida. — de fer. *Oksidan'* ny vy, harafesina. — de cuivre. *Oksidan'* ny varahina, taim-barahina.

OXYDER, *va.* Mampaharafesina, mampangery maitso.

S'oxyder, *vpr.* Miharafesina, mangery maitso. Le cuivre s'est oxydé. *Nangery maitso* ny varahina.

OXYGÈNE, *sm.* Oksijena.

P

PACAGE, *sm.* Tany be vilona, tany be ahitra.

PACHA, *sm.* Manamboninahitra silamo.

PACIFICATEUR, TRICE, *s.* Mpampandry tany, mpampihavana, mpampifanaraka.

PACIFICATION, *sf.* Fampandriana, fampihavanana. fampifanarahana.

PACIFIER, *va.* Mampandry, mampihavana, mampifanaraka. — un État. *Mampandry* fanjakana. C'est lui qui a pacifié leur différend. Izy no *nampihavana, nampifanaraka* azy ireo.

PACIFIQUE, *adj.* 1° Tsy tia ady, tia fiadanana, mipetraka ho azy, mibonaika. Un roi —. Mpanjaka *tsy tia ady.* Esprit —. Olona *tsy tia ady,* etc. 2°—, Tsy misy ady, miadana, mandry fehizay. Son règne fut —. *Tsy nisy ady, niadana, nandry fehizay* ny andro nanjakany. ‖ *loc.* Océan —. Ranomasina lehibe any andrefany Amerika.

PACIFIQUEMENT, *adv.* Amim-piadanana.

PACOTILLE, *sf.* Varotra madinika entin' ny mpiantsambo. ‖ *loc.* Marchandises de —. Varotra tsy tsara loatra.

PACTE, *sm.* Fanekena, fifanekena. Faire un —. Manao *fanekena, mifanaiky.*

PACTISER, *vn.* 1° Manao fanekena, mifanaiky. 2° *fig.* — avec la rébellion. *Manao fanekena, mifanaiky* amy ny mpikomy.

PAGAIE, *sf.* Fivoy.

PAGANISME, *sm.* Fanompoan-tsampy.

PAGE, *sf.* Pejy.

PAGE, *sm.* Tovolahy tandapa.

PAGINATION, *sf.* Isan' ny pejy.

PAGINER, *va.* Manisy isa ny pejy.

PAGNE, *sm.* Sikina, saláka, sarandrana, kitamby. —des hommes. *Sikina, saláka, sarandrana.* — des femmes. *Kitamby.*

PAGODE, *sf.* Trano fivavahan' ny mpanompo sampy any Azia.

PAIEMENT, *sm.* Voy. Payement.

PAÏEN, ÏENNE, *adj.* Manompo sampy, momba ny sampy. La religion païenne. Ny fivavahan' ny *mpanompo sampy.* Les superstitions païennes. Ny finoana adala *momba ny sampy.*

—, *s.* 1° Mpanompo sampy. 2° *fig.* Olona tsy tia fivavahana.

PAILLASSE, *sf.* Kidoro.

—, *sm.* Mpampihomehy an-danonana, ariralahy, kapotsaka, harankana.

PAILLASSON, *sm.* Tsihy famaohantongotra.

PAILLE, *sf.* 1° Mololo, bozaka. Feu de —. Afo-*mololo,* afom-*bozaka.* Chapeau de—. Satroka *mololo,* satroka harona. Coucher sur la—. Mandry ambony *mololo, bozaka*; *fig.* mikaforoforo, miporipory. 2°—, Tapak' ahitra. Il voit une— dans l'œil de son prochain et ne voit pas une poutre dans le sien. Mahita *tapak' ahitra* amy ny mason' ny namany izy ka tsy mahita sakamandimby amy ny azy. Tirer à la courte—. Manao an-tendry *ahitra,* —fampáka. 3° *fig.* Homme de—. Olona tsinontsinona.

—, *adj. invar.* Mavo. Des gants—. Ga *mavo.*

PAILLET, *adj. m.* (Divay) mena mavo Du vin—. Divay *mena mavo.*

PAILLETTE, *sf.* Ela-bolamena.

PAIN, *sm.* 1° Mofo, ampempa, koba masaka. — bénit. *Mofo* voahasina. — de munition. *Mofo* fanome ny miaramila. —d'épice. *Mofo* mamy. —de farine de riz. *Ampempa, koba masaka.* || *loc.* Faire passer le goût du — à quelqu'un. Mahafaty olona. —de sucre. Siramamy mivongana. —de savon. Tsipirian-tsavony. —à cacheter. Loko rora. 2°—, Hanina, fivelomana. Il gagne son—à la sueur de son front. Ny hatsembohana no ahazoany *hanina,* etc. Il a son — cuit. Manan-*kivelomana* izy.

PAIR, *adj. m.* 1° Mitovy. Il est—et compagnon avec lui. Sady *mitovy* aminy no namany izy. 2°—, Ankasa. Nombre—. Isa *ankasa.*

—, *sm.* 1° Namana. Il a été jugé par ses pairs. Notsarain' ny *namany* izy. 2°—, Tsy fisiana sandany. Le change est au—. *Tsy misy sandany* ny fifanakalozana.

De pair, *loc. adv.* Hoatra ny namana. Il va de — avec les grands seigneurs. Miaraka amy ny andriandahy malaza *hoatra ny namany* izy.

PAIR, *sm.* Andriandahy. La chambre des pairs. Ny fivorian' ny *andriandahy,* parlementa ambony.

PAIRE, *sf.* Roa, mivady, iray aman' olona, iray lomisy. Une — de bœufs. Omby *roa.* Une — de bottines. Baotina *mivady, iray aman' olona, iray lomisy.* Les deux font la —. Samy adala, samy kary izy *roa* lahy. || *loc.* Une — de lunettes. Solomaso. Une — de ciseaux. Hety. C'est une autre — de manches. Raharaha samihafa lavitra izany.

PAIRIE, *sf.* Fahandrianana.

PAISIBLE, *adj.* 1° Tsy tia ady, mipetraka ho azy, mibonaika. Cet enfant est —. *Tsy tia ady,* etc., io zaza kely io. 2°—, Mandry, miadana, mandry fehizay, milamina, misononóka. Le royaume est —. *Mandry* ny fanjakana. Il mène une vie —. *Miadana, mandry fehizay* izy. Un sommeil —. Torimaso *milamina.* Une rivière —. Renirano *misononóka.* 3° —, Tsy misy manelingelina, tsy misy tabataba. Il est — possesseur de sa maison. Tompon' ny tranony *tsy misy mpanelingelina* izy. Un séjour —. Fitoerana *tsy misy tabataba.*

PAISIBLEMENT, *adv.* 1° Amim-piadanana, mandry fehizay, milamina, misononóka. 2°—, Tsy misy manelingelina, tsy misy tabataba.

PAÎTRE, *va.* 1° Miraotra. Les moutons paissent l'herbe. *Miraotra* ny ahitra ny ondry. 2°—, Miandry. David paissait *ou* faisait — les troupeaux. *Niandry* ondry Davida. 3° *fig.* Envoyer — quelqu'un. Mandroaka olona amin-katezerana.

Se paître, *vpr.* Mihinana. Les corbeaux se paissent de charogne. *Mihinana* fatim-biby ny goaika.

PAIX, *sf.* 1° Fandrian' ny tany, fifanarahana, fihavanana, fiadanana. Le pays est en —. *Mandry* ny tany. Ce prince est en — avec tous ses voisins. Io mpanjaka io *mifanaraka, mihavana* amin' izay rehetra ao akaikiny. Ils ont fait la —. *Nifanaraka, nihavana* indray izy roa lahy. La — règne dans la famille. *Mifanaraka, miadana, mandry fehizay* ny fianakaviana. La—soit avec vous! Ho aminareo anie ny *fiadanana!* Son âme n'est point en —. Tsy *mandry* ny sainy, tsy manam-*piadanana* ny fony. 2°—, Tsy fanelingelenana, tsy fisian-tabataba. Laissez-moi en —. Aza *helingelenina* aho. On vit ici dans une — profonde. *Tsy misy manelingelina, tsy misy tabataba*na dia kely aza aty. 3°—, Fanekem-pihavanana. La — est signée. Voaisy sonia ny *fanekem-pihavanana.*

Paix! *int.* Mangina!

PAL, *sm.* Hazo maranitra. Faire subir le supplice du —. Comme EMPALER.

PALAIS, *sm.* 1° Lapa, rova. — royal. *Lapan'* ny mpanjaka. Le roi est dans son —. Ao anaty *lapany,* etc., ny mpanjaka. — épiscopal. *Lapan'* ny eveka. 2° —, Trano kanto, trano, fitsarana. Sa maison est un —. *Kanto* ny tranony. — de justice. *Trano* fitsarana. Gens de —. Olona manao raharaha amy ny *fitsarana.* Style de —. Fombam-pitenenana fanao amy ny *fitsarana.*

PALAIS, *sm.* 1° Lanilany. 2° *fig.* Il a le — fin. Malady mandre tsiron-javatra izy. Voy. Goût

PALAN, *sm.* Bolaky lehibe any antsambo.

PALANQUIN, *sm.* Palankina, filanjana.

PALATALE, *adj.* et *sf.* Tononina amy ny lanilany. Consonnes palatales. Renisoratra *tononina amy ny lanilany.*

PALE, *sf.* Lela fivoy. La — d'un rame. Ny *lela* fivoy.

PÂLE, *adj.* 1° Hatsatra, mivolom-balala maty, mivaloarika, matroka, vasoka. Il a le visage —. *Hatsatra, mivolom-balala maty* ny tarehiny. Il est — de colère. *Mivaloarika, matroka* ny endriny noho ny hatezerana. Or —. Volamena *matroka*. Un bleu —. Manga *vasoka*. 2° —, Manjombona, misomambisamby. Le soleil est —. *Manjombona* ny masoandro. Cette bougie ne jette qu'une lumière —. *Misomambisamby* ny fahazavan' io jiro io. 3° *fig.* Tsy misy renty, — haingo, tsy marevaka. Style —. Fandaha-teny *tsy misy renty*, etc.

PALEFRENIER, *sm.* Mpiandry soavaly.

PALET, *sm.* Antsipy. Jouer au —. Manao *antsipy*.

PALETOT, *sm.* Palitao.

PALETTE, *sf.* 1° Hazo fanipazana katsomanta. 2° —, Hazo fisaka fampifangaroan-doko.

PALÉTUVIER, *sm.* Honko.

PÂLEUR, *sf.* Hahatsatra, fivolom-balala maty, fivaloarika, hamatroka.

PALIER, *sm.* Fitoerana fiatoana amy ny tongo-tohatra.

PALINODIE, *sf.* Famerenan-teny entina midera ny notsinina.

PÂLIR, *vn.* 1° Mihahatsatra, mivolom-balala maty, mivaloarika, mihamatroka, mihavasoka. 2° —, Mihamanjombona, misomambisamby.

—, *va.* Mampahatsatra, mampivolom-balala maty, mampivaloarika. La fièvre vous a pâli le visage. Ny fanaviana *nampahatsatra*, etc., ny tarehinao.

PALIS, *sm.* Tsato-kazo atao rova, — vala, — sehatra.

PALISSADE, *sf.* Rova hazo, tsivikinindahy, vala, sehatra, fefy. — entourant la résidence du souverain, d'un seigneur, d'un gouverneur. *Rova, tsivikinindahy.* — d'un parc à bœufs. *Valan'* omby. — entourant le camp. *Sehatra.* — de rosiers. *Fefy* raozy.

PALISSADER, *va.* Manisy rova, — vala, — sehatra, — fefy.

PALISSANDRE, *sm.* Voamboana.

PÂLISSANT, ANTE, *adj.* Mihahatsatra, mivolom-balala maty, mivaloarika, mihamatroka.

PALLIATIF, IVE, *adj.* Mahaketraka, mampitony. Remède —. Fanafody *mahaketraka*, etc.

—, *sm.* 1° Fanafody mahaketraka, — mampitony. L'opium n'est qu'un —. Ny opioma dia *fanafody mahaketraka*, etc., fotsiny. 2° *fig.* Sarona.

PALLIATION, *sf.* Fanaketrahana, fampitoniana.

PALLIER, *va.* 1° Manaketraka, mampitony. — un mal. *Manaketraka*, etc., aretina. 2° *fig.* Manarona. — une faute. *Manaron*-kadisoana.

PALMA-CHRISTI, *sm.* Tanantanamanga.

PALME, *sf.* 1° Sampan' antendry, sampam-palafa. 2° *fig.* Remporter la —. Mandresy. La — du martyre. Ny sampan-kazon' ny martiry.

PALME, *sm.* Zehy.

PALMÉ, ÉE, *adj.* 1° Misampantsampana, mirantsandrantsana. Racine palmée. Fakan-kazo *misampantsampana*, etc. 2° —, Miraiki-drantsan-tongotra.

PALMIER, *sm.* 1° Fototr' antendry. Comme DATTIER. 2° —, Anarana ankapoben' ny voanibo, ny rofia, ny befelatanana, ny falafa, etc.

PALMIPÈDE, *sm.* et *adj.* Vorona miraiki-drantsan-tongotra.

PALMISTE, *sm.* Falafa. Chou —. Tsoa-*palafa.* — épineux. *Falafa* misy tsilony.

PALOMBE, *sf.* Voromailala.

PÂLOT, OTTE, *adj.* Hatsatratsatra, matromatroka.

PALPABLE, *adj.* 1° Azo tsapaina. 2° *fig.* Miharihary. La raison en est —. *Miharihary* ny anton' izany.

PALPER, *va.* 1° Mitsapa. Le médecin l'a palpé. *Nitsapa* azy ny dokotera. 2° *fig.* — de l'argent. Mandray vola.

PALPITANT, ANTE, *adj.* 1° Mitepotepo, mitotovary, mitotototo. 2° —, Mihenavelona, mipararetra, mangitakitaka. 3° *fig.* Question palpitante d'intérêt. Zavatra mahate-handre, — mampilendalenda.

PALPITATION, *sf.* Fitotovary, fitotototo. Il a des palpitations de cœur. *Mitotovary, mitotototo* ny fony.

PALPITER, *vn.* 1° Mitepotepo, mitotovary, mitotototo. Son cœur palpite encore. Mbola *mitepotepo* ny fony. La crainte fait — son cœur. Ny tahotra *mampitotovary, mampitotototo* ny fony. 2° —, Mihenavelona, mipararetra, mangitakitaka. Les entrailles de l'animal palpitaient encore. Mbola *nihenavelona* ny kibon' ny biby. La paupière lui palpite.

Mipararetra ny masony. Il palpite de crainte. *Mangilakitaky* ny tahotra izy.

PALUDÉEN, ENNE, *adj.* Avy amy ny heniheny. Fièvre paludéenne. Tazo *avy amy ny heniheny.*

PÂMER (SE), *vpr.* Torana. Se — de rire. *Toran'* ny behy.

PÂMOISON, *sf.* Hatoranana. Il est tombé en —. *Torana* izy.

PAMPHLET, *sm.* Boky kely. — injurieux. *Boky kely* misy fanalam-baráka olona.

PAMPHLÉTAIRE, *sm.* Mpanao *pamphlet.*

—, *adj.* Misy fanalam-baráka. Écrit —. Taratasy *misy fanalam-baráka.*

PAMPLEMOUSSE, *sf.* Hangibe, voahangibe, papelimosa.

PAMPRE, *sm.* Rantsam-boaloboka misy ravina.

PAN, *sm.* Rambon' akanjo, tapany. Les pans d'un manteau. Ny *rambon*-kapaoty. Il abattit un — de mur. Nanjera ny *tapa*-drindrina izy.

PANACÉE, *sf.* Fanafody mahay be.

PANACHE, *sm.* Fehezam-bolom-borona atao haingo.

PANACHÉ, ÉE, *adj.* 1° Misoratsoratra. Rose panachée. Vonin-draozy *misoratsoratra.* 2°—, Misy boto. Poule panachée. Akoho *boto,* — satroka.

PANACHER, *vn.* Misoratsoratra.

Se panacher, *vpr.* Misoratsoratra.

PANACHURE, *sf.* Fisoratsoratry ny voninkazo.

PANADE, *sf.* Lasopy atao amy ny mofo kobaina.

PANARIS, *sm.* Tsevodrano, hararaotra.

PANCARTE, *sf.* Peta-taratasy, petagazety.

PANÉ, ÉE, *adj.* Nasiana vovo-mofo, nasiana mofo voatono. Eau panée. Rano *nasiana mofo voatono.*

PANÉGYRIQUE, *sm.* Laha-teny fankalazana olona.

PANÉGYRISTE, *sm.* Mpanao laha-teny fankalazana olona, mpankalaza, mpidera, mpandoka.

PANER, *va.* Manisy vovo-mofo.— des côtelettes de porc. *Manisy vovo-mofo* ny taolan-tehezan-kisoa.

PANETERIE, *sf.* Efi-trano fitahirizamofo.

PANETIER, *sm.* Mpitahiry sy mpitantana mofo.

PANETIÈRE, *sf.* Kitapo fasiana mofo.

PANIER, *sm.* 1° Sobika, harona. Grand —. *Sobika.* Petit—. *Harona* madinika. — couvert. *Harona* misy rakotra, saronan-*harona.* — à ouvrage. *Harona* fasian' ny vehivavy taozavatra, saronan-*harona.* — à bouteilles. *Harona* miefitrefitra fasiana tavoahangy. 2°—, Iray harona, eran'ny harona Un — de pêches. Paiso *iray harona,* etc. 3° *fig.* C'est un— percé. Mpandany harena izy.

PANIQUE, *adj.* Tampoka. Terreur —. Hatairana *tampoka.*

—, *sf.* Hatairana tampoka.

PANNE, *sf.* Haratra, sambomandry. ‖ *loc.* Mettre en—. Mampijanona sambo. Rester en—. Mijanona, miandry.

PANNEAU, *sm.* 1° Tranom-pitaratra amy ny rafitra, panóa. Une porte à panneaux. Varavarana misy *tranom-pitaratra,* — am-*panóa.* 2° *fig.* Fandrika, fitaka. Il a donné dans le—. *Voafandrika, voafitaka* izy.

PANNETON, *sm.* Famakim-panalahidy. Les trois parties d'une clef sont l'anneau, la tige et le—. Misy zavatra telo amy ny fanalahidy, dia ny fanodinana, ny tahony ary ny *famakiny.*

PANORAMA, *sm.* Sary lehibe mampiseho tanána na fari-tany.

PANSAGE, *sm.* Fiborosiana soavaly.

PANSE, *sf.* Kibo, roroha. Il a une grosse —. Be *kibo,* etc., izy. La — du bœuf. Ny *rorohan'* omby.

PANSEMENT, *sm.* 1° Fanamboarampery, fitsaboam-pery. 2°—, Fiborosiana soavaly.

PANSER, *va.* 1° Manamboatra fery, mitsabo fery. Le médecin le panse deux fois par jour. Ny dokotera *manamboatra, mitsabo ny feriny* indroa isan'andro. 2°—, Miborosy soavaly.

PANSU, UE, *adj.* Be kibo, be troka, be roroha.

PANTALON, *sm.* Pataloha, akanjontongotra. Porter—. *Mipataloha.*

PANTELANT, ANTE, *adj.* 1° Misanehaka, miehakehaka, misefosefo. 2°—, Mihenavelona. Chair pantelante. Nofonkena *mihenavelona.*

PANTHÉISME, *sm.* Filazana an' izao tontolo izao ho Andriamanitra.

PANTHÉISTE, *s.* Mpilaza an' izao tontolo izao ho Andriamanitra.

PANTHÉON, *sm.* Trano nivavahan'

ny Romana tamy ny andriamanitra tsizy rehetra.

PANTHÈRE, *sf.* Karazam-biby masiaka.

PANTIN, *sm.* 1° Sariolona hetsiketsehina amy ny kofehy. 2° *fig.* Mpikofokofoka, mpivadibadika.

PANTOMIME, *sm.* Mpanao baiko moana amy ny teatra.

—, *sf.* Fanaovana baiko moana amy ny teatra.

PANTOUFLE, *sf.* Kiraro lamba, — zaitra.

PAON, *sm.* 1° Vorombola. 2° *fig.* Mpirehareha, mpibohibohy. Il est glorieux comme un —. *Mirehareha*, etc., hoatra ny vorombola izy.

PAONNE, *sf.* Vorombolavavy.

PAONNEAU, *sm.* Zana-borombola.

PAPA, *sm.* Dada, kaky. Où est votre —? Aiza *idadanao*?

PAPAL, ALE, *adj.* Any ny papa. L'autorité papale. Ny fahefan' *ny papa*.

PAPAUTÉ, *sf.* 1° Fiandrianan' ny papa. 2° —, Andro nanjakan' ny papa.

PAPAYE, *sf.* Voam-papay.

PAPAYER, *sm.* Foto-papay.

PAPE, *sm.* Papa.

PAPERASSE, *sf.* Taratasy tsy vanonko inona.

PAPERASSIER, *sm.* Olona tia mitahiry ny taratasy efa tsy vanon-ko inona.

PAPETERIE, *sf.* Trano fanaovan-taratasy, fanaovan-taratasy, fivarotan-taratasy.

PAPETIER, *sm.* Mpanao na mpivarotra taratasy.

PAPIER, *sm.* 1° Taratasy. — blanc. *Taratasy* fotsy. — écrit. *Taratasy* voasoratra. Mettre ses idées sur le —. Mametaka ny heviny ao amy ny *taratasy*. 2° —, Taratasy vola. Il m'a payé en —. *Taratasy vola* no nandoavany ny trosako. 3° —, *pl.* Taratasy momba ny tantara, — filazan-javatra, paspaoro. Les papiers d'une succession. Ny *taratasy* momba ny lova anankiray. 4° *fig.* Être bien dans les papiers de quelqu'un. Tian' olona.

PAPIER-MONNAIE, *sm.* Taratasy vola fanao amy ny fanjakana iray.

PAPILLON, *sm.* 1° Lolo, samoina. — blanc qui se brûle à la chandelle. *Lolo* fotsy mitono tena. Les enfants courent après les papillons. Manenjika *lolo* ny ankizy madinika. Les vers à soie se changent en papillons. Miofo ho *samoina* ny bibindandy. 2° *fig.* Il va se brûler à la chandelle comme un —. Efa hitono tena hoatra ny lolo fotsy izy. C'est un —. Olona manidintsidim-poana izy.

PAPILLONNER, *vn.* Manidintsidimpoana, mipelipelika.

PAPILLOTAGE, *sm.* 1° Fihebihebemaso. 2° *fig.* Renty be loatra.

PAPILLOTE, *sf.* Taratasy afono ny volon-doha naolikolika.

PAPILLOTER, *vn.* 1° Mihebiheby maso. 2° *fig.* Be renty loatra.

—, *va.* Mamono volon-doha amy ny taratasy.

PAPYRUS, *sm.* Hodi-kazo nataon' ny ntaolo fanoratana.

PÂQUE, *sf.* Paka. La — des Juifs. Ny *pakan'* ny Jody.

PAQUEBOT, *sm.* Sambo mpitondra taratasy sy olona.

PÂQUES, *sm.* Paka. Quand — sera venu. Rahefa tonga ny *Paka*.

—, *sf. pl.* Komonion' ny Paka. Faire ses —. Manao ny *komonion' ny Paka*. ‖ *loc.* — fleuries. Alahadin' ny sampan-kazo.

PAQUET, *sm.* 1° Entana, anentana, fehezan-javatra. Ce — est trop lourd. Mavesatra loatra io *entana* io. Mettre en —. Manao *anentana*. Il a porté deux paquets de lettres. Nitondra *fehezan*-taratasy roa izy. Il porte deux paquets de livres. Mitondra *anentam*-boky roa izy. 2° *fig.* Cette femme est devenue un —. Tonga matavy be miesikesika io vehivavy io. Donner à quelqu'un son —. Mandevilevy olona. Recevoir son —. Levilevena. Faire son —. Miala amy ny trano itoerany.

PAR, *prép.* 1° Any, ao, anaty, erany. Il a passé — Paris. Nandalo *any* Parisy izy. Jetez cela — la fenêtre. Atsipazo *ao* am-baravaran-kely izany. Il se promène — la ville. Mitsangatsangana *anaty*, *eran'* ny tanána izy. 2° —, Amy, noho, n', forme relative. Prenez-le — le bras. Raiso *amy* ny sandriny izy. Où allez-vous — cette pluie-là? Ho aiza *amin'* izato ranonorana izato hianao? Il a fait cela — crainte. Nanao izany *noho* ny tahotra izy, ny tahotra no *nanaovany* izany. Cette guerre a été conduite — un habile général. Notaritin' ny jeneraly mahay izany ady izany. Il a obtenu cela — adresse. Nahazo izany *tamin*-kafetsena izy, ny hafetsena no *nahazoany* izany. 3° —, Isany, amy ny alálana. Il gagne un franc — jour. Mahazo iraim-

bilanja *isan'* andro izy. C'est — lui qu'il a obtenu cette faveur. *Tamy ny alàlany* no nahazoany izany zava-tsoa izany.

De par, *loc. prép.* Amy ny anarany, araka. De — le roi. *Amy ny anaran'* ny mpanjaka. De — la loi. *Araka* ny lalàna.

PARABOLE, *sf.* Fanoharana. La — de l'enfant prodigue. Ny *fanoharana* amy ny zanaka mpandany.

PARABOLIQUE, *adj.* Misy fanoharana.

PARABOLIQUEMENT, *adv.* Amimpanoharana.

PARACHEVER, *va.* Manatontosa.

PARACHUTE, *sm.* Elo makadiry entina hidina amy ny balóna.

PARACLET, *sm.* Mpanafaka alahelo, mpanala alahelo.

PARADE, *sf.* 1° Fampisehoana. Mettre une étoffe en —. *Mampiseho* lamba. Lit de —. Farafara *fampisehoana* ny fatin' olo-malaza. 2° —, Fihaingoana, haingo. Un habit de —. Akanjo *fihaingoana.* Un meuble de —. Fanaka fanao *haingon*-trano. 3°—, Matso. Aller à la —. Mandeha mitsirika ny *matso.* 4° *fig.* Fireharehana, fieboeboana. Il fait — de son savoir. *Mirehareha, mieboebo* amy ny fahaizany izy.

PARADER, *vn.* Mandihy, manao matso, mampiseho fahaizana. Faire — un cheval. *Mampandihy* soavaly. Faire — des troupes. Mampanao *matso, mampiseho ny fahaizan'* ny miaramila.

PARADIGME, *sm.* Fakan-tahaka.

PARADIS, *sm.* 1° Paradizy, lanitra. Le — terrestre. Ny *paradizy* an-tany. Les joies du —. Ny hafaliana any am*paradizy,* an-*danitra.* 2° *fig.* Fitoerana mahafinaritra, fahasambarana. Cette campagne est un —. *Mahafinaritra* ity saha ity. Un bon ménage est un — sur la terre. Ny fifanarahana ao amy ny tokan-trano no tena *fahasambarana* eto ambonin' ny tany.

PARADOXAL, ALE, *adj.* 1° Tia *paradoxe.* 2°—, Manohitra ny hevitry ny be sy ny maro. Opinion paradoxale. Hevitra *manohitra ny hevitry ny be sy ny maro.*

PARADOXE, *sm.* Hevitra manohitra ny hevitry ny be sy ny maro.

PARAGE, *sm.* 1° Firazanana, toetra. Dame de haut —. Vehivavy avo *razana,* ambony *toetra.* 2°—, Fitoerana amy ny ranomasina, fitoerana.

PARAGRAPHE, *sm.* Antokony, paragrafy. Il y a trois paragraphes dans ce chapitre. Misy *antokony,* etc., telo amin' io toko io.

PARAÎTRE, *vn.* 1° Miseho, miposaka, mitranga. Le soleil paraît. *Miseho,* etc., ny masoandro. La jeunesse aime à —. Te-*hiseho* ny tanora. Il a paru en justice. *Niseho* tao amy ny fitsarana izy. Un nouveau livre a paru. Misy boky vaovao *niseho.* Son innocence a paru dans tout son jour. *Niseho* miharihary ny tsy fananany tsiny. 2°—, Atao, toa. Il me paraît fort honnête homme. *Ataoko* fa tsara fanahy tokoa izy. Il paraît vertueux. *Toa* tsara fanahy izy.

—, *v.imp.* Atao, toa. Il me paraît que vous vous êtes trompé. *Ataoko* fa diso hevitra hianao teo. Il paraît que vous avez tort. *Toa* tsy marina ny anao.

PARALLÈLE, *adj.* Mitovy elanelana. Deux lignes parallèles. Tsipika roa *mitovy elanelana.*

—, *sf.* Tsipika mitovy elanelana.

—, *sm.* 1° Tsipika vorivory mitovy elanelana amy ny ekoatora. 2°—, Fampitahana. Mettre deux hommes en—. *Mampitaha* olona roa.

PARALLÈLEMENT, *adv.* Mitovy elanelana. Ces murs sont construits —. Natao *mitovy elanelana* ireo rindrina roa ireo.

PARALLÉLISME, *sm.* Fitoviana elanelana.

PARALLÉLOGRAMME, *sm.* Zavatra misy lafiny mifanandrify mitovy elanelana.

PARALYSÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Nolemena, malemy. Il est—de la moitié du corps. *Malemy* ny tapany. 2° *fig.* Nofoanana. Mes efforts ont été paralysés par sa mauvaise volonté. *Nofoanan'* ny ditrany ny fikelezana aina nataoko.

PARALYSER, *va.* 1° Mampahalemy. 2° *fig.* Manafoana.

Se paralyser, *vpr.* Mihamalemy. Sa jambe se paralyse. *Mihamalemy* ny ranjony.

PARALYSIE, *sf.* Halemena.

PARALYTIQUE, *adj.* et *s.* Malemy.

PARAPET, *sm.* Tamboho vato eny ambonin' ny manda hiarovana ny miaramila, ampiantany vato atao arofanina.

PARAPHE ou **PARAFE,** *sm.* Parafy.

PARAPHÉ, ÉE, *adj.* Misy parafy.

PARAPHER, *va*. Manisy parafy.

PARAPHRASE, *sf*. 1° Fivoasan-teny, hevi-teny. La — des Psaumes. Ny *fivoasana* ny Salamo, ny *hevi-teny* amy ny Salamo. 2° *fig*. Fanalavana. Dites la chose sans tant de paraphrases. Lazao tsotra fa aza *halavaina*.

PARAPHRASER, *va*. 1° Mivaofy teny, manao hevi-teny. 2° *fig*. Manalava.

PARAPHRASEUR, EUSE, *s*. Mpanalava.

PARAPLUIE, *sm*. Elo, sarotro. Ouvrez le —. Velaro ny *elo*. Fermez le —. Piho ny *elo*. Natte cousue en forme de capuchon servant de — aux bergers. *Sarotro*.

PARASITE, *sm*. Mpitakarina.

—, *adj*. Mivelona amy ny hafa, maniry eny ambonin' ny namany. Insectes parasites. Biby kely *mivelona amy ny hafa*. Plantes parasites. Zava-maniry *maniry eny ambonin' ny namany*, hazo miavona.

PARASOL, *sm*. Elo.

PARATONNERRE, *sm*. Fandri-baratra.

PARAVENT, *sm*. Aro rivotra, takonkenatra, sekrína.

PARC, *sm*. 1° Saha malalaka. 2° —, Vala, fahitra. —à bœufs. *Valan'* omby. —à moutons. *Valan'* ondry. —à bœufs creusé dans la terre. *Fahitra*. 3° —, Tamboho ametraham-piadiana. Le — de l'artillerie. Ny *tamboho ametrahan*-tafondro.

PARCAGE, *sm*. Fipetrahan' ny ondry amy ny vala.

PARCELLE, *sf*. Sombina, vaky, potika. Une — de l'hostie. *Sombina, vakin'* ny hostia anankiray. Payer une somme par parcelles. Mandoa vola *tsipotipotika*.

PARCE QUE, *loc. conj*. Satria, fa. Il est tombé, —le chemin est glissant. Lavo izy, *satria, fa* malama ny lálana.

PARCHEMIN, *sm*. Hoditr' ondry manify azo soratana. Livre relié en—. Boky voafono *hoditr' ondry manify*.

PARCIMONIE, *sf*. Hihitra, fahihirana.

PARCIMONIEUSEMENT, *adv*. Amim-pahihirana.

PARCIMONIEUX, EUSE, *adj*. Mahihitra, kely hiratra, kely tánana.

PARCOURIR, *va*. 1° Mitety, mandia, mandehandeha. Il a parcouru toute l'Asie. *Nitety, nandia* any Azia manontolo izy, *nandehandeha* erany Azia manontolo izy. 2° *fig*. Mijerijery, manatsipalotra. J'ai parcouru le journal. Efa *nijerijery* kely ny gazety aho, efa *notsipalopalorako* maso ny gazety.

PARCOURS, *sm*. Lálana aleha. Le— d'une voiture. Ny *lálana alehan'* ny kalesy.

PARDESSUS, *sm*. Akanjobe, palitao lava.

PARDON, *sm*. Famelana, famelan-keloka. Il a obtenu son —. Nahazo *famelana*, etc., izy. ‖ *loc*. Demander —. Mifona, mivalo, migrasy. Je vous demande —, —, mille pardons. Aza tsiniko, aza mahafady, aza fady.

PARDONNABLE, *adj*. 1° Azo avela. Faute—. Hadisoana *azo avela*. 2°—, Azo leferina, tsy azo tsinina. Erreur—. Hadidisoan-kevitra *azo leferina*, etc.

PARDONNER, *va*. et *n*. 1° Mamela. Tes péchés te sont pardonnés. *Voavela* ny helokao. 2°—, Mandefitra, tsy maniny. Le monde ne pardonne pas les moindres fautes. Ny olona *tsy mandefitra, maniny* ny hadisoana kely foana. Pardonnez à ma franchise. *Aza tsiniko* aminao noho ny fahatsorako. Pardonnez-moi, pardonnez, si je vous contredis. *Aza tsiniko*, aza fady, aza mahafady raha manohitra ny teninao aho. 3°—, Manavaka, mamela mivalo, mamela mahazo. La mort ne pardonne à personne. Ny fahafatesana tsy *manavaka*, tsy *mamela mivalo* olona na iza na iza. Cette maladie ne pardonne point. Tsy *mamela mahazo* izany aretina izany.

Se pardonner, *vpr*. 1° Tsy maniny tena. Il ne se pardonne rien. *Maniny* ny tenany amy ny zavatra rehetra izy. 2°—, Avela, leferina, tsy tsinina. 3°—, Mifamela, mifandefitra, tsy mifaniny.

PARÉ, ÉE, *adj*. Mihaingo, miravaka, mirenty, miraratra, miramarama.

PAREIL, EILLE, *adj*. Mitovy, sahala, tahaka, hoatra, toa, toy. Donnez-moi une étoffe pareille à celle que vous m'avez montrée. Omeo lamba *mitovy, sahala* amin' iley nasehonao ahy aho. C'est un homme sans—. Tsy misy lehilahy *mitovy* aminy, lehilahy tsy manam-paharoa izy. Il est d'une probité sans pareille. Tsy misy hatsaram-panahy *mitovy* amy ny azy, tsy manam-paharoa ny hatsaram-panahiny. Où rencontrer de pareils amis? Aiza no hahitana sakaiza *tahaka, hoatra, toa* azy? Voici ce qu'on fit en pareille occasion. Tahaka izao no natao tamy ny fotoana *toy* izany.

—, *s*. Olona na zavatra mitovy. Fréquentez vos pareils. Miaraha matetika amin' izay *mitovy* aminao.

—, *sf*. Valy. Rendre la —. *Mamaly*.

PAREILLEMENT, *adv*. 1° Tahaka izany, hoatra izany, toy izany. Je vous traiterai —. Hataoko aminao *tahaka, hoatra, toy izany*. 2°—, Koa, kosa. Vous le voulez, et moi —. Tia izany hianao, izaho *koa*.

PAREMENT, *sm*. 1° Haingo, firavaka. Un beau — d'autel. *Haingo, firavak'* otely tsara. 2°—, Haingon-doha-tánan' akanjo. 3°—, Lafy tsara. Pierre à deux parements. Vato misy *lafy tsarany* roa.

PARENT, ENTE, *s*. 1° Havana, mpihavana, mpianakavy, tamingana, razana. Voilà mes parents. Indreo ny *havako, mpianakaviko*. Ils sont parents. *Mpihavana* izy ireo. Parents éloignés. *Havan*-tetezina, *tamingana*. Il est né de parents illustres. Avo *razana* izy. 2°—, Havana amy ny fanambadiana.

—, *sm. pl*. Ny ray aman-dreny, razana. Obéissez à vos parents. Manekė *ny ray aman-dreninareo*. Nos premiers parents. *Ny ray aman-drenintsika*, etc., voalohany.

PARENTÉ, *sf*. 1° Fihavanana. 2°—, Havana, mpianakavy, fianakaviana. On assembla la —. Novorina ny *havana*, etc., rehetra.

PARENTHÈSE, *sf*. 1° Boraketra, amparanteza. 2°—, Teny asosoka amy ny fohezan-teny.

PARER, *va*. 1° Mampihaingo, mandravaka, mandrenty. — un enfant. *Mampihaingo, mandravaka* zaza kely. — un autel. *Mampihaingo, mandravaka* otely. — une église. *Mampihaingo*, etc., ny trano leglizy. Voy. Orner. 2°—, Manamboatra. — sa marchandise. *Manamboatra* ny varony. 3°—, Misoroka, miaro. — la balle. *Misoroka* bala. Cela vous parera de la pluie. *Hiaro* anao amy ny orana izany.

Se parer, *vpr*. 1° Mihaingo, miravaka, miraratra, miramarama. Au printemps la terre se pare de fleurs. *Miravaka* voninkazo ny tany raha lohataona. 2° *fig*. Mirehareha, mihambo. Il se pare des vertus qu'il n'a pas. *Mihambo* ho tsara fanahy izy.

PARESSE, *sf*. 1° Hakamoana, fahakamoana, fahalainana. Je le relèverai du péché de —. Holevileveko izy amy ny *hakamoany*. 2°—, Fialan-tsasatra. La — a ses douceurs. Mahafinaritra ny *fialan-tsasatra*. 3°—, Havesarana, fatoritory. — d'esprit. *Havesaran*-tsaina.

PARESSEUX, EUSE, *adj*. 1° Kamo, malaina. Écolier —. Mpianatra *kamo*, etc. 2°—, Mavesatra, matoritory. Il a l'esprit —. *Mavesa*-tsaina izy, *matoritory* ny sainy. J'ai l'estomac —. *Mavesabesatra* ny ambavafóko.

—, *s*. Kamo, kalaina, benamboka.

PARFAIRE, *va*. Manatontosa, mamita. — un ouvrage. *Manatontosa*, etc., taozavatra.

PARFAIT, AITE, *adj*. Lavorary, tanteraka, tomombana. Dieu seul est —. Andriamanitra irery hiany no *lavorary*. C'est un homme —. Lehilahy *lavorary, tanteraka* izy. Beauté parfaite. Hatsaran-tarehy *lavorary, tanteraka*. Vertu parfaite. Hatsaram-panahy *lavorary*, etc. Sa guérison n'est pas parfaite. Tsy *lavorary*, tsy *tanteraka* tsara ny fanaretany.

PARFAITEMENT, *adv*. Amim-pahalavorariana, tanteraka, tomombana. Il peint —. *Lavorary*, etc., tsara ny hosodoko ataony. Il est — guéri. Sitrana *tanteraka* izy.

PARFILER, *va*. Mamaha lamba.

PARFOIS, *adv*. Indraindray.

PARFUM, *sm*. 1° Hanitra, zava-manitra. Le — des fleurs. Ny *hanitry* ny voninkazo. Il aime les parfums. Tia *zava-manitra* izy. La plupart des parfums viennent de l'Orient. Ny ankabiazan' ny *zava-manitra* dia avy any Azia. 2° *fig*. Il ne résiste point au — de la louange. Matimatin-dera izy. Ce livre respire un — d'antiquité. Manaraka ny any ny ntaolo ity boky ity.

PARFUMER, *va*. 1° Manamanitra, manisy zava-manitra. Les fleurs parfument les airs. Ny voninkazo *manamanitra* ny rivotra. — des habits. *Manisy zava-manitra* ny akanjo. 2°—, Mandonaka fofon-javatra, mandraraka fofon-javatra. — un appartement. *Mandonaka fofon-javatra*, etc., amy ny efi-trano.

Se parfumer, *vpr*. Manisy zava-manitra amy ny volon-dohany, — amy ny akanjony, etc.

PARFUMEUR, EUSE, *s*. Mpamorona na mpivarotra zava-manitra.

PARI, *sm*. Loka, fanamby. Faire un —. *Miloka, mifanamby*. J'ai gagné le —. Nahazo *loka*, etc., aho. Payez le—. Aloavy ny *loka*, etc.

PARIER, *va.* Miloka, mifanamby. Ils ont parié deux cents francs. *Niloka, nifanamby* ariary efa-polo izy ireo.

PARIÉTAIRE, *sf.* Anampatsa.

PARIEUR, EUSE, *s.* Mpiloka, mpifanamby.

PARISIEN, IENNE, *s.* Teraky Parisy.

—, *adj.* Any Parisy.

PARITÉ, *sf.* Fitoviana.

PARJURE, *sm.* 1° Fianianan-tsy to, fanaovana vava azon'Andriamanitra. Commettre un —. *Mianian-tsy to, manao vava azon'Andriamanitra.* 2°—, Mpianian-tsy to, mpanao vava azon' Andriamanitra.

—, *adj.* Mianian-tsy to, manao vava azon' Andriamanitra.

PARJURER (SE), *vpr.* Mianian-tsy to, manao vava azon' Andriamanitra. Il s'est parjuré devant le juge. *Nianian-tsy to* teo anatrehan' ny mpitsara izy. Il m'avait fait mille serments et cependant il s'est parjuré. Nianiana injato amin' arivo tamiko izy, kanefa *nanao vava azon' Andriamanitra.*

PARLAGE, *sm.* Teny lavareny.

PARLANT, ANTE, *adj.* 1° Miteny, mahateny. L'homme est la seule créature parlante. Ny olombelona irery hiany amy ny zavatra voary no *miteny,* etc. Des regards parlants. Fijery *hoatra ny miteny.* 3°*fig.* Mitovy dia mitovy. Ce portrait est —. *Mitovy dia mitovy* amin' izay nangalana azy io sary io.

Généralement parlant, *loc. adv.* Raha ny ankapobeny no heverina. Cela est vrai, généralement —. Marina. izany *raha ny ankapobeny no heverina.*

PARLÉ, ÉE, *adj.* Tenenina. La langue parlée et la langue écrite. Ny fiteny *tenenina* sy ny fiteny soratana.

PARLEMENT, *sm.* Parlementa.

PARLEMENTAIRE, *adj.* Momba ny parlementa.

—, *sm.* Fanilo, tsobo.

PARLEMENTER, *vn.* Mifandrindra mba hihavana, manao izay hifanarahana.

PARLER, *vn,* 1° Miteny, miloa-bava, loabolana. Cet enfant commence à —. Vao miana-*miteny* io zaza kely io. Ce perroquet commence à —. Miana-*miteny* io boloky io. —au hasard. *Miteny* kitoatoa. Il parle bien. Mahitsy *fiteny* izy. Il parle d'or. Manao *teny* tsara dia tsara izy. Il parle mal de son prochain. *Miteny* ratsy ny namany izy. — au cœur. Manao *teny* mampientana ny fo. Il parla ainsi. *Niteny, niloa-bava, loa-bolana* izy nanao hoe. 2°—, Milaza, miresaka, mibaiko, mandaha-teny. De quoi parlez-vous? Inona no *lazainao, resahinao?* Ils parlent de la pluie et du beau temps. *Milaza* zavatra tandrifin'ny vavany izy ireo. Il en parle comme un aveugle des couleurs. *Milaza* zavatra tsy fantany velively akory izy. La raison parle par sa bouche. Marina dia marina izay *lazainy.* La loi parle clairement là-dessus. *Milaza* mazava ny amin' izany ny lalána. On en parle diversement. Samihafa ny *filaza,* ny *resaky* ny olona ny amin' izany. On parle beaucoup de cela. Foto-*dresaky* ny olona izany, *maresaka* izany. Il a fait —de lui. Foto-*dresaky* ny olona tamin' izay ny nataony, *naresaka* ny nataony. Les muets parlent par signes. *Miresaka, mibaiko* amim-pamantarana ny moana. —devant une assemblée. *Mandaha-teny* amy ny fivoriana anankiray. — d'abondance. *Mandaha-teny* tampoka. 3°—, Milaza ny heviny, — ny sitrapony, manambara, mampiseho. Il ne veut pas — nettement. Tsy mety *milaza* mazava *ny heviny* izy. Vous n'avez qu'à —, vous serez servi. *Lazao ny sitra-ponao,* fa hotanterahina. Les cieux parlent de la puissance du Créateur. Ny habakabaka *manambara, mampiseho* ny fahefan' Andriamanitra. Son visage parle. Ny tarehiny *manambara, mampiseho* ny ao am-pony. 4°—, Manonona. — du nez. *Manonona* an' orona.

—, *va,* 1° Miteny. Il parle français. *Miteny* frantsay izy. —raison. *Miteny* amim-pahendrena. 2°—, Miresaka. — peinture. *Miresaka* ny amy ny fanosoran-doko.

Se parler, *vpr.* 1° Tenenina. La langue française se parle dans toute l'Europe. Ny fiteny frantsay dia *tenenina* erany Eropa manontolo. 2°—, Miresaka. 3°—, Manao anakampó.

Sans parler de, *loc. prép.* Na dia tsy tenenina aza. Sans — de sa fortune, on peut dire qu'il est heureux. *Na dia tsy tenenina aza* ny hareny, azo lazaina ho sambatra izy.

PARLER, *sm.* 1° Fiteny. Il a un—doux. Malemy *fiteny* izy. Il a son franc—. *Miteny* tsotra izy. 2°—, Firoky. Je l'ai reconnu à son—. Ny *firokiny* no nahafantarako azy.

PARLEUR, EUSE, *s.* 1° Mpitafasiry, mpitafa, mpitaria, mpikorána. 2°—, Mpiresaka, mpandaha-teny. Beau—. *Mpiresaka*, etc., mahay, —miangesongeso fiteny.

PARLOIR, *sm.* Efi-trano firesahana.

PARMI, *prép.* Amy, ampovoany. Il se mêla —eux. Nifangaro *tamin'* izy ireo izy. Il fut trouvé — les morts. Hita tao *ampovoan'* ny maty izy.

PARODIE, *sf.* Laha-teny an-tsoratra mampihomehy nalain-tahaka.

PARODIER, *va.* 1° Manao laha-teny an-tsoratra mampihomehy alain-tahaka. 2°—, Mianatra, maka tahaka.— quelqu'un. *Mianatra*, etc., olona.

PAROI, *sf.* Aty rindrina. Les parois de l'estomac. Ny *aty rindrin'* ny ambavafó.

PAROISSE, *sf.* 1° Fiangonana, trano leglizy fiangonana. Grande—. *Fiangonana* lehibe. Il est allé à la messe à sa —. Lasa namonjy lamesa ao amy ny *trano leglizy fiangonany* izy. 2°—, Mpiangona. Il assembla la—. Namory ny *mpiangona* izy.

PAROISSIAL, ALE, *adj.* Momba ny fiangonana, momba ny trano leglizy fiangonana.

PAROISSIEN, IENNE, *s.* Mpiangona ao amy ny fiangonana anankiray.

—, *sm.* Boky fivavahana.

PAROLE, *sf.* 1° Teny, fitenenana, fiteny, vava. Il n'a pas dit une seule parole. Tsy nanonon-*teny* na dia iray aza, tsy niloa-*bava* na dia indray mandeha aza izy. Jésus-Christ a rendu la—aux muets. Joso-Kristy *nampiteny* ny moana. C'est un grand avantage que la—. Zava-mahasoa ny *fitenenana*. Il a la—tremblante. Mangovitra ny *fiteniny*. C'est une—digne d'un souverain. *Teny* mendrika ny ándriamanjaka izany. Il a porté des paroles de paix. Nitondra *tenim*-pihavanana izy. La—de Dieu. Ny *tenin'* Andriamanitra, ny Soratra Masina. Sa conversation est un déluge de paroles. Manao *teny, vava* tsy toko tsy forohana amy ny resaka izy. Il a deux paroles. Miroa *teny, vava* izy, folo *vava* izy. 2°—, Laha-teny, fandaharan-teny. L'art de la —. Ny fahaizana *mandaha-teny*. Il a porté la — au nom de la compagnie. Izy no *nandaha-teny* nisolo ny namany. On lui a accordé la —. Nekena mba *handaha-teny* izy. C'est lui qui a la —. Azy ny *fandaharan-teny*. 3°—, Teny apetraka, vava atao. Il a tenu sa —. Nanatanteraka ny *teny napetrany*, ny *vava nataony* izy. Il a manqué de —. Tsy nahatanteraka ny *teny napetrany*, ny *vava nataony* izy, nanao vava azon' Andriamanitra izy. C'est un homme de —. Olona mahatanteraka ny *teny apetrany*, ny *vava ataony* izy. 4°—, *pl.* Fanjihitra. Avoir des paroles avec quelqu'un. *Mifanjihitra* amin' olona. 5°—, Tonon-kira. L'air vaut mieux que les paroles. Ny hira tsaratsara kokoa noho ny *tonon-kira*.

PAROXYSME, *sm.* Hamafy izaitsizy, firehitra izaitsizy. Il est dans le — de la maladie. *Mafy izaitsizy* ny aretiny. Il est dans le — de la colère. *Mirehitra izaitsizy* ny hatezerany.

PARQUER, *va.* Mametraka ao am-bala. — des moutons. *Mametraka* ondry *ao am-bala*.

—, *vn.* Mipetraka ao am-bala. Les bœufs ne parquent pas encore. Tsy mbola *mipetraka ao am-bala* ny omby.

PARQUET, *sm.* 1° Ngorodon-kazo. 2° —, Fitoeran' ny mpitsara ao amy ny trano fitsarana. 3°—, Ny mpitsara.

PARQUETAGE, *sm.* Fanaovana ngorodon-kazo.

PARQUETER, *va.* Manao ngorodon-kazo.

PARQUETERIE, *sf.* Fahaizana manao ngorodon-kazo.

PARQUETEUR, *sm.* Mpanao ngorodon-kazo.

PARRAIN, *sm.* Ray amy ny batemy.

PARRICIDE, *sm.* 1° Mpamono ray aman-dreny. 2°—, Famonoana ray aman-dreny.

—, *adj.* Momba ny famonoan-dray aman-dreny. Dessein —. Fikasana *hamono ray aman-dreny.*

PARSEMER, *va.* Mamafy, mameno. — un chemin de fleurs. *Mamafy* voninkazo amy ny lálam-be. Son habit est parsemé de perles. *Feno* vakana ny akanjony.

PART, *sf.* 1° Anjara, anjara tantana, fizarana. Donnez-moi ma—. Omeo ahy ny *anjarako,* ny *anjara tantako*. La — du lion. Ny *anjara* lehibe indrindra. Il a eu —au gâteau. Nahazo *anjara* tombom-barotra izy. Tous les élus auront— à la béatitude éternelle. Ny olom-pinidy rehetra hanana *anjara* amy ny fahasambarana mandrakizay. Ils ont eu une — égale dans le partage. Samy nahazo

anjara mitovy izy ireo, nisalahy izy ireo. Ils ont eu tous — au partage. Samy nahazo *anjara*, enina avokoa izy rehetra. Faites deux parts. *Zarao* roa, sasaho. Faites trois parts. *Zarao* telo, teloy. 2°—, Fiaraha-manao, fanampiana, fikambanana, firaisana, fiombonana. Il a eu — à cette bonne œuvre. *Niara-nanao* izany asa soa izany, *nanampy* tamin' izany asa soa izany izy. Il n'a point pris — à la conspiration. Tsy *nikambana* tamy ny teti-dratsy izy. Je prends — à votre douleur. *Miray, miombona* alahelo aminao aho. 3°—, Filazana, fampandrenesana, fiheverana, hevitra Quand vous aurez des nouvelles, faites m'en —. Raha mahare zava-baovao hianao, *ilazao, ampandreneso* aho. Billet de faire —. Taratasy *fampandrenesana*. S'il a peu réussi, il faut faire la — de la timidité. Raha tsy nahomby tsara izy, tokony *hoheverina* fa saro-tahotra izy. Il a pris en bonne — ce que vous lui avez dit. Tsara ny *hevitra* nandraisany izay voalazanao taminy. Il l'a pris en mauvaise —. Ratsy ny *hevitra* nandraisany izany. 4°—, Fitoerana. Mettez cela quelque autre—. Apetraho amy ny *fitoerana* hafa izany. ‖ *loc.* Quelque — que vous alliez. Na aiza na aiza no alehanao. On ne le trouve nulle—. Tsy hita na aiza na aiza izy. Il arrive des soldats de toutes parts. Avy hatraiza hatraiza ny miaramila. 5°—, Olona, anarana. De quelle — viennent ces nouvelles? *Olona* iza no nampitondra izany zava-baovao izany? Dites-lui cela de ma —. Lazao azy izany amy ny *anarako*. Saluez-le de ma —. Manaova veloma azy amy ny *anarako*. Il est venu de la — du roi. Tonga tamy ny *anaran'* ny mpanjaka izy.

Pour ma part, *loc. adv.* Raha tahaka ahy. Pour ma — je n'y consentirai jamais. *Raha tahaka ahy,* tsy hanaiky izany na oviana na oviana aho.

De part et d'autre, des deux parts, *loc. adv.* Izy roa tonta. On est content de — et d'autre. Samy faly izy *roa tonta*.

À part, *loc. adv.* 1° Afa-tsy. À — cet auteur j'ai renoncé à tous les livres. *Afatsy* io boky io navelako ny boky rehetra. 2°—, Mitokana, manokana. Il fait bande à —. *Mitokana* izy. Mettez cela à —. *Atokano* izany. Il le tira à —. Nalainy *manokana* izy. Voy. Séparément. 3°—, Tsy amin.... Plaisanterie à—. *Tsy amin*-kivazivazy.

De part en part, *loc. adv.* Percer de — en —. Managorobaka, maninteraka.

À part soi, *loc.adv.* Anakampó. Examinons bien, disait-il à — soi. Aoka hodinihiko tsara, hoy izy *anakampó*.

PARTAGE, *sm.* 1° Fizarana, zara, fitantanana, tantana. Faire le — d'une succession. *Mizara* lova. Le—a été bien fait. Tsara ny *fizarana,* ny *fitantanana* azy, tsara *zara, tantana* izany. 2°—, Anjara. Ce champ fut mon —. Lasa ho *anjarako* io tanimboly io. 3° *fig.* Anjara. Les maladies sont le — du genre humain. *Anjaran'* ny olombelona ny aretina. 4°—, Fiombonana. Dieu veut un cœur sans —. Tia fitiavana tsy *iombonana* Andriamanitra. 5°—, Fisarahana.

PARTAGÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Voazara, nozaraina, voatantana, notantanina. 2° *fig.* Iraisana, iombonana. 3°—, Mananjara, ambinina. Il est bien — du sort. *Mananjara, ambinina* izy. 4°—, Misaraka. Les opinions sont partagées. *Misara*-kevitra izy ireo. 5°—, Mifamaly. Un amour —. Fitia *mifamaly*.

PARTAGEABLE, *adj.* Azo zaraina. Propriété —. Tany *azo zaraina*.

PARTAGEANT, *sm.* Manana anjara.

PARTAGER, *va* 1° Mizara, mitantana. — le butin. *Mizara*, etc., ny babo. — de la viande. *Mizara*, etc., hena. Partagez ce nombre en quatre. *Zarao* efatra, efaro io isa io. Partagez ce fruit en deux. *Zarao* roa, sasaho io voankazo io. 2° *fig.* Miray, miombona. Je partage votre joie. *Miray, miombona* hafaliana aminao aho. Je partage votre avis. *Miray* hevitra aminao aho. Ce père partage sa tendresse entre tous ses enfants. *Iray* ny fitiavan' io ray io ny zanany rehetra. Ils partagent entre eux le pouvoir. *Miombom*-pahefana izy ireo. 3°—, Manambina. La fortune l'a bien partagé. *Ambinina* izy. 4°—, Mampisaraka.

—, *vn.* Manana anjara. Il ne partage pas dans cette succession. Tsy *manana anjara* amin' izany lova izany izy.

Se partager, *vpr.* 1° Mizara, misampana. La route se partage en deux branches. *Mizara*, etc., roa ny lálana. 2° *fig.* Iraisana, iombonana. 3°—, Misaraka. Les avis se partagèrent sur cette question. *Nisara*-kevitra tamin' izany zavatra nodinihina izany izy ireo.

PARTANCE, *sf.* Fiaingan-tsambo, fialan-tsambo. Le navire est en —. Efa *hiainga, hiala* ny sambo.

PARTANT, *sm.* Ny mpandeha.

—, *adv.* Amin' izany. Vous avez signé au contrat, — vous êtes obligé. Efa nanisy sonia ny fanekena hianao, ary *amin' izany* dia tsy maintsy harahinao izy.

PARTENAIRE, *s.* Namana.

PARTERRE, *sm.* 1° Kisahasaha. 2°—, Fitoeran' ny mpizaha amy ny teatra. 3°—, Mpizaha teatra.

PARTI, *sm.* 1° Andany. Il est dans le bon —. Ao amy ny *andanin'* ny tsara fanahy izy. Il a pris mon —. *Niandany* tamiko, nomba ahy izy. Il faut se défier de tout homme de —. Tsy azo itokiana izay *miandany* amy ny hafa. L'esprit de — altère tous ses jugements. Tsy mitsara tsara ny zavatra izy, satria *miandany* amy ny hafa. Il a un nombreux—. Betsaka no *miandany* aminy. 2°—, Fikasana, fikasana raikitra. C'est le — qu'il faut prendre. Izany no *fikasana* tokony hatao. Il a pris son —. Nanao *fikasana raikitra*, mandefitra izy. 3°—, Hevitra anatanterahana,—ialana. C'est le—le plus sûr. Izany no *hevitra* mahatoky indrindra *hanatanterahana* izany. On lui a proposé plusieurs partis pour sortir d'affaire. Nomena *hevitra* maro ialana amin'izany raharaha izany izy. 4°—, Zava-mahasoa, soa, raharaha, vady mifanandrify. Il a tiré un bon — de cette entreprise. Nahita *zava-mahasoa*, nahazo *soa* tamin' izany raharaha izany izy. C'est un bon — pour lui. *Zavatra mahasoa* azy izany, *raharaha* tsara ho azy izany. Il a pris le — des armes. Nifidy ny *raharahan'* ny miaramila izy. Il veut se marier, il cherche un — sortable. Ta-hanambady izy, ka mitady *vady mifanandrify* aminy. || *loc.* Faire un mauvais — à quelqu'un. Mamely, mamono olona.

PARTIAL, ALE, *adj.* Miangatra, mijery ila, mizaha tavan' olona, manao fitsara-mitanila. Un juge —. Mpitsara *miangatra*, etc.

PARTIALEMENT, *adv.* Amim-piangarana, amim-pizahan-tavan' olona.

PARTIALITÉ, *sf.* Fiangarana, fijerena ila, fizahan-tavan' olona, fanaovana fitsara-mitanila.

PARTICIPANT, ANTE, *adj.* Manana anjara, miombona.

PARTICIPATION, *sf.* Fananana anjara, fiombonana, firaisana, fikambanana. Cela s'est fait sans ma—. Tsy *niray*, tsy *nikambana* tamin' izany aho.

PARTICIPE, *sm.* Tony milaza fiovan' ny verba sady mety ho adjectiva.

PARTICIPER, *vn.* 1° Manana anjara, miombona, miray, mikambana. Il participe à tous les profits. *Manana anjara, miombona* amy ny tombom-barotra rehetra izy. — aux prières des fidèles. *Manana anjara, miombona* amy ny fivavahana ataon' ny mpino. Je participe à votre douleur. *Miombona, miray* alahelo aminao aho. Il a participé à la conjuration. *Niray, nikambana* tamy ny toti-dratsy izy. 2°—, Mitovitovy, mifandraidraika. Le mulet participe de l'âne et du cheval. Ny ramole dia *mitovitovy*, etc., amy ny ampondra sy ny soavaly.

PARTICULARISER, *va.* Milaza tsirairay. — les moindres détails. *Milaza tsirairay* ny andinidini-javatra.

PARTICULARITÉ, *sf.* Andinidinika. Il m'a conté toutes les particularités de cette affaire. Nilaza tamiko ny *andinidinik'* izany raharaha izany izy.

PARTICULE, *sf.* 1° Sombin-javatra. 2°—, Fanampin-teny misy vakiteny tokana.

PARTICULIER, ÈRE, *adj.* 1° Irery, ho azy irery, manokana, isan' olona, tsirairay, hiany, indrindra, mahagaga. Il est attaché à son intérêt —. Tia izay mahasoa azy *irery, manokana* izy. Il a une chambre particulière. Manana efitrano *ho azy irery, manokana* izy. L'intérêt général l'emporte sur l'intérêt —. Izay mahasoa ny be sy ny maro dia ambony noho izay mahasoa ny *isan' olona*, ny *olona tsirairay*. Il m'en a dit les circonstances les plus particulières. Nilaza *tsirairay* tamiko ny andinidinik' izany izy. Cette plante est particulière aux climats chauds. Ao amy ny tany mafana *hiany* izany zava-maniry izany. Il a pour lui une affection particulière. Tia azy *indrindra* izy, *mahagaga* ny fitiavany azy. 2°—, Mangingina, hafahafa. Il Il a été reçu en audience particulière. Efa noraisina *mangingina* izy. C'est un esprit—. Olona *hafahafa* izy.

—, *sm.* 1° Isan' olona, olona tsirairay, isan' ny ankapobem-bahoaka. Ce n'est qu'un —. *Isan' ny ankapobem-bahoaka* hiany izy. 2°—, Andinidinika. Je ne sais pas le — de l'affaire. Tsy fantatro ny *andinidiniky* ny raharaha.

En particulier, *loc. adv.* Irery, manokana, mangingina. J'ai un mot à vous

dire en—. Misy teny indraim-bava holazaiko aminao *irery*, etc.

PARTICULIÈREMENT, *adv.* Indrindra.

PARTIE, *sf.* 1° Tapany, ilany, laniny, sasany, fizarana, faritra, anjara. Le tout est plus grand que sa—. Ny zavatra manontolo no lehibe kokoa noho ny *tapany*. Ce prince perdit une — de son royaume. Namoy ny *tapaka*, ny *ilan'* ny fanjakany izany mpanjaka izany. Une — de l'armée était encore campée. Mbola nitoby ny *lanin'* ny tafika. Il a vendu une — de ses livres. Nivarotra ny *sasany* tamy ny bokiny izy. Les cinq parties du monde. Ny *fizaran*-tany dimin' izao tontolo izao. Ce livre a quatre parties. Misy *fizarana* efatra io boky io. Les étoiles qui sont dans cette — du ciel. Ny kintana izay ao anatin' io *faritry* ny lanitra io. Appliquez ce remède sur la — malade. Apetaho amy ny *faritra* marary io fanafody io. Ce morceau est à quatre parties. Misy *anjara* efatra io hira io. 2°—, Tsilalao indray mifanjona, fikasana hilalao, filalaovana. Faisons une — de dames. Aoka hanao damy *indray mifanjona* isika. Il a gagné cinq parties. Nahafaty indimy *mifanjona* izy. La — n'a pas eu lieu. Tsy tanteraka ny *fikasana hilalao*. On a remis la —. Nahemotra ny *filalaovana*. Faire une — de chasse. Mandeha *mitifitra*. 3°—, Ny torina, ny ampangaina, vady, andaniny, andaniny arovana, fanjakana. Prendre quelqu' un à —. *Mitory, miampanga* olona. C'est ma — adverse. Izy no *vadiko* amy ny fitsarana. Un juge doit écouter les deux parties. Ny mpitsara tsy maintsy hihaino ny *andaniny* roa miady. Cet avocat a bien défendu sa —. Izany mpisolo vava izany niaro tsara ny *andaniny* izay *arovany*. Les parties contractantes. Ny *andaniny* roa tonta manao fanekena. Les parties belligérantes. Ny *fanjakana* roa tonta miady. 4°—, Ankasarotana.

En partie, *loc. adv.* Tapany, sasany.

PARTIEL, ELLE, *adj.* 1° Tapany. Les sommes partielles. Ny *tapatapany* atao adisanina. 2°—, Tsy manontolo. Éclipse partielle de lune. Fanakonana ny volana *tsy manontolo*.

PARTIELLEMENT, *adv.* Tapany.

PARTIR, *va.* Avoir maille à — avec quelqu'un. Mifanditra aman' olona.

PARTIR, *vn.* 1° Mandeha, miainga, miala, lasa. Il est parti hier. *Nandeha, niainga, niala, lasa* omaly izy. Il partira demain. *Handeha, hiainga, hiala* rahampitso izy. 2°—, Mandositra, mirifatra, miezaka, mitsoriaka, mikaretsaka, mipoaka. Le cerf partit comme un trait. *Nandositra, nirifatra, niezaka* hoatra ny tadio ny serfa. La bombe part du mortier. *Mitsoriaka* avy amy ny tafondro ny bomba. La flèche partit avec impétuosité. *Nitsoriaka, nikaretsaka* tsy tratry ny maso mipý ny zana-tsipika. Le fusil a parti tout d'un coup. *Nipoaka* tampoka ny basy. 3°—, Avy. Tous les nerfs partent du cerveau. Ny hozatra rehetra *avy* amy ny ati-doha. 4° *fig.* Lasa, latsaka. Sa réponse ne tarde pas à —. *Lasa* tampoka ny valin-teniny. Il est parti d'un éclat de rire. *Latsaky* ny hehy nikakakaka izy. 5°—, Avy, miankina. Ce sentiment part d'un bon cœur. *Avy* amy ny fo tsara izany hevitra izany. Il est parti d'un bon principe. Tsara ny foto-kevitra *niankinany*.

A partir de, *loc. prép.* Hatramy. À — d'aujourd'hui, soyez plus exact. *Hatramin'* izany mason' andro anio izany, aoka tsy ho diso fotoana toy ny taloha intsony hianareo.

PARTISAN, *sm.* 1° Mpiandany. Les partisans de César. Ny *mpiandany* taminy Sezara. 2°—, Tia. Les partisans de la république. Ny *tia* repoblika.

PARTITIF, IVE, *adj.* Milaza sasaka.

PARTOUT, *adv.* Hatraiza hatraiza, na aiza na aiza. Il va —. Mandeha *hatraiza hatraiza* izy. On se moque de lui— où il va. Ihomehezan' ny olona izy *na aiza na aiza* alehany.

PARURE, *sf.* Haingo, fihaingoana, ravaka, firavaka, firaratra, firamarama. Voy. PARER.

PARVENIR, *vn.* 1° Tonga. Il parvint enfin au sommet de la montagne. Tamy ny farany dia *tonga* tany an-tampon' ny tendrombohitra izy. 2° *fig.* Tonga, mahatratra, mahazo, mihatra. Il est difficile de — à la perfection. Sarotra ny ho *tonga* lavorary, ny *mahatratra* ny fahalavorariana. Il est parvenu à une charge. *Nahazo* raharaha izy. Les livres de Moïse sont parvenus jusqu'à nous. *Tonga, nihatra* hatramy ny androntsika ny bokiny Moizy. 3°—, Misondrotra ho ambony. Il est difficile de —. Sarotra ny *misondrotra ho ambony*.

PARVENU, UE, *s.* Firinga mievotra.

PARVIS, *sm.* Tokotany anatrehan' ny trano leglizy.

PAS, *sm.* 1° Dingana, dia, fandeha, famindra. Faire de grands —. Manao *dingan*-dava. Faire de petits —. Manao *dingam*-poby. Il s'arrêtait à chaque—. Nijanona isaky ny *nandingana* izy. Suivre les — de quelqu'un. Manara-*dia* olona; *fig.* mianatra ny ataon' olona. Hâtez vos—. Hafaingano ny *dia*nao. Aller à — comptés. Manisa *dia*, midanesaka. J'ai vu des—d'homme sur le sable. Nahita *dian*'olona tao amy ny fasika aho. Marcher au —. Mifanara-*dia*. Il ne sait pas encore changer de —. Tsy mbola mahay mamono *dia* izy. Aller à — lents. Miadam-*pandeha*, miadam-*pamindra*. Aller au — accéléré. *Mamindra* kosesy. ‖ *loc.* Retourner sur ses —. Miverina ilalana. Faire un faux —. Misolifaka, tafintohina; *fig.* diso. Aller à — de loup. Mitsaitsaika, mijaikojaiko. 2°—, Fivezivezy, fisasarana, izay aleha, izay atao. Il a bien fait des — pour obtenir cette place. *Nivezivezy, nisasatra* mafy mba hahazo izany rabaraha izany izy. Il observe mes —. Mitsikilo izay *alehako, izay ataoko* izy. 3°—, Indray mandingana. Ce fusil porte à cinquante —. Mahalasa indimam-polo *mandingana* ity basy ity. 4°—, Ankadilanana, andilan-dranomasina. 5°*fig.* S'attacher aux — de quelqu'un. Manjohizohy olona. Faire de grands — dans la carrière des sciences. Mandroso faingana amy ny fahaizana. Je l'ai mis au —. Nampanaoviko ny mety izy. Il est dans un mauvais—. Efa mby amy ny toetra sarotra, mihitsoka izy. Il lui a cédé le —. Nataony eo alohany izy.

Pas à pas, *loc. adv.* Aller — à —. Miadanadana.

De ce pas, *loc. adv.* Izao ankehitriny izao. J'y vais de ce—. Ho any *izao ankehitriny izao* aho.

PAS, *adv.* de *nég.* Tsy. Je ne le veux —. *Tsy* tiako izany. — un ne le croit. *Tsy* misy olona mino izany na dia iray aza. Voy. Ne.

PASCAL, ALE, *adj.* Amy ny paka. L'agneau—. Ny zanak' ondrin' ny *paka*. La communion pascale. Ny komonion' ny *paka*.

PASQUINADE, *sf.* Fanarabiana tsy manjary.

PASSABLE, *adj.* Metimety hiany, antonintoniny. Expression —. Fombampitenenana *metimety hiany.* Vin —. Divay *antonintoniny.*

PASSABLEMENT, *adv.* Metimety hiany, antonintoniny.

PASSAGE, *sm.* 1° Fandalovana, fandehanana, fitana, famakiana. Saisissez-le au —. Sambory izy raha *mandalo.* Le — du pont est interdit. Efa norarana ny *fandehanana* ao amy ny tetezana. Le — de la Mer Rouge par les Israélites. Ny *nilan'*ny Israelita ny Ranomasina Mena. Le — des Alpes par l'armée française. Ny *namakian'* ny tafika frantsay ny Alpa. 2°—, Lálana. Ôtez-vous du —. Mialá amy ny *lálana.* Ce—est bien étroit. Ety loatra izany lálana izany. 3°—, Fandehanana an-tsambo, karaman-tsambo, sara. Le — de sa famille lui a coûté cher. Ny *nandehanan'* ny fianakaviany *an-tsambo* nampandany azy vola be. Ce — de pont appartient à la ville. Any ny tanána ny *saran'* ity tetezana ity. 4°*fig.* Fandalovana, fifandimbasana, fifindrana, fiovana, fahatongavana. La vie n'est qu'un —. *Fandalovana* hiany ny andro iainana eto an-tany. Le — du jour à la nuit. Ny *fifandimbasan'* ny andro sy ny alina. Oiseaux de —. Vorona *mandalo, mifindrafindra* tany. Le — d'une vie mondaine à une vie chrétienne est difficile. Sarotra ny miala amy ny fiainan'izao tontolo izao ka *hiova, ho tonga* kristiana. 5°—, Teny. Ce passage est obscur. Maizimaizina ireto *teny* ireto.

PASSAGER, ÈRE, *adj.* 1° Mandalo, mifindrafindra tany. Oiseau —. Vorona *mandalo,* etc. 2° *fig.* Mandalo, miheliна, tsy maharitra. Beauté passagère. Hatsaran-tarehy *mandalo,* etc.

—, *s.* Mpiantsambo.

PASSAGÈREMENT, *adv.* Kelikely foana, vetivety —. Je ne suis ici que—. Tsy hipetraka eto afa-tsy *kelikely foana,* etc., aho.

PASSANT, *sm.* Mpandalo, mpandeha.

PASSE, *sf.* Lalan-tsambo amy ny elanelan' ny harana.

PASSÉ, *sm.* Ny lasa. Oublions le —. Aoka hohadinointsika *ny lasa.*

—, *prép.* Rahefa afaka, — lasa. — cette époque, il ne sera plus temps. *Rahefa afaka, — lasa* izany fotoana izany, tsy hisy raharaha intsony.

PASSÉ, ÉE, *adj.* 1° Tafita. La rivière est passée. *Tafita* ny renirano. 2°—, La-

sa. Le temps—. Ny andro *lasa*. 3°—, Malazo. Une fleur passée. Voninkazo *malazo*.

PASSE-DROIT, *sm*. Fiangarana, fizahan-tavan' olona.

PASSE-LACET, *sm*. Fampidiran-kofehim-pitizy na baotina.

PASSEMENT, *sm*. Ambordao.

PASSEMENTER, *va*. Manisy ambordao. —un habit. *Manisy ambordao* amy ny akanjo.

PASSEMENTERIE, *sf*. Fanaovana na fivarotana ambordao.

PASSEMENTIER, IÈRE, *s*. Mpanao na mpivarotra ambordao.

PASSE-PARTOUT, *sm*. Fanalahidy mahay be.

PASSE-PASSE, *sm*. Tours de—. Hakingan-tánana; *fig*. fitaka.

PASSE-PORT, *sm*. Pasipaoro.

PASSER, *vn*. 1° Mandalo, lasa, mandeha, mankany, mita, mamaky, miditra. Il a passé comme un éclair. *Nandalo* hoatra ny helatra izy. La rivière passe près de ma campagne. *Mandalo* ao akaikin' ny sahako ny renirano. Il est passé en Amérique. *Lasa, nandeha* any Amerika, *nankany* Amerika izy. Il est passé de l'autre côté de l'eau. *Nita* eny an-dafin-drano izy. Il a passé dans la ville. *Nandalo, namaky* tao an-tanána izy. Il a passé chez lui. *Nandalo* tao aminy izy. Il a passé par la fenêtre. *Nandeha* tao amy ny varavaran-kely izy. Le vent passe par cette fenêtre. *Miditra* amin' ity varavaran-kely ity ny rivotra. 2° *fig*. Mandalo, mihelina, tsy maharitra, mitsahatra, mifindra, miova, miofo, tonga. Le temps passe. *Mandalo, mihelina* ny andro. Cette mode passera. *Tsy haharitra* izany lamody izany. La faim lui a passé. *Nitsahatra* ny hanoanany. Passons à autre chose. Aoka *hifindra* amy ny zavatra hafa isika. Souvent les vices des pères passent à leurs enfants. Matetika ny haratsian' ny rainy dia *mifindra* amy ny zanany. Il passe du blanc au noir. *Miovaova* hevitra izy. Ces couleurs passent vite. Mora *miova, miofo* ireo loko ireo. Il est passé de l'opulence à la misère. Mpanan-karena *tonga* ory izy. Il est passé colonel. *Tonga* kolonely izy. 3°—, Miaritra, manaiky, mamela. Il a passé par de rudes épreuves. *Niaritra* fahoriana mafy izy. J'en passerai par où il vous plaira. *Hoekeko* izay sitrakao. Je veux bien, pour cette fois, — là-dessus. *Avelako* hiany amin' izao indray mitoraka izao izany hadisoana izany. 4°—, Dinihina, ekena, lany, raisina, miditra, latsaka. Votre affaire ne passera que dans un mois. Tsy *hodinihina* ny raharahanao raha tsy afaka iray volana. La loi a passé. *Nekena, lany* ny lalána. Cette monnaie ne passe plus. Tsy *lany*, tsy *raisin'* ny olona intsony izany vola izany. Ce mot a passé dans notre langue. *Voaray, tafiditra* ho fiteninisika izany teny izany. Cela lui a passé par la tête. *Tafiditra, tafalatsaka* ao anatin'ny sainy izany hevitra izany. 5°—, Antoniny. Ce vin peut—. *Antoniny* ny hatsaran' izany divay izany. 6°—, Atao ho, heverina ho. Il passe pour sage. *Atao ho, heverina ho* olon-kendry izy. ‖ *loc*. — de bouche en bouche. Miely. — de cette vie en l'autre. Maty. — par-dessus toutes sortes de considérations. Tsy mahare rohona intsony. — par-dessus toutes les difficultés. Mandresy ny sampona rehetra. Quoi ! vous avez laissé — cette extravagance ? Nahoana re, no tsy notsininao izany hadalana izany ? Il a laissé — bien des fautes. Betsaka ny diso tsy hitany.

—, *va*. 1° Mita, mamaky. — la mer. *Mita* ranomasina. — la rivière en barque. *Mita* lakana. — une forêt. *Mamaky* ny ala. 2°—, Mampita. On a passé le canon dans une chaloupe. *Nampitaina* tamy ny salopy ny tafondro. 3°—, Manolotra, mampiditra, mamindra. Passez cette bouteille à votre voisin. *Atolory* ny namanao io tavoahangy io. — son doigt dans une bague. *Mampiditra* peratra amy ny rantsan-tánana. —un billet à l'ordre de quelqu'un. Manisy sonia taratasy vola mba *hamindrana* azy amin' olona. 4°—, Manatantavana. —de la liqueur. *Manatantavana* lalikera. 5°—, Mihoatra. La boule a passé le but. *Nihoatra* ny fetra ny baolina. La dépense passe la recette. Ny lany *mihoatra* ny azo. Il passera ses camarades dans les études. *Hihoatra* ny namany amy ny fianarana izy. Cela passe mes forces. *Mihoatra* ny heriko izany. 6°—, Misafo, mipasoka, mamaoka, etc. — sa main sur ses cheveux. *Misafosafo* ny volon-dohany amy ny tánany. — le fer sur du linge. *Mipasoka* lamba amy ny fera. —l'éponge sur.... *Mamaoka* amy ny spaonjy; *fig*. manadino. 7°—, Mamela, manaiky, manao. Vous avez passé deux mots dans votre copie. *Namela* teny-roa tamy ny kopinao hianao. Je ne lui passerai pas cette faute. Tsy *have-*

lako izany hadisoana nataony izany. Il faut que vous me passiez encore cela. Mbola tsy maintsy *hanaiky* izany amiko hianao. — un contrat. *Manao* faneKena. 8°—, Mandany. Il a passé l'été à la campagne. *Nandany* ny fahavaratra tany an-tsaha izy. || *loc.* Ne faire que—les yeux sur une chose, voir une chose en passant Mijery zavatra kely foana. — un soldat par les armes. Mitifitra miaramila. — au fil de l'épée. Mamono amy ny sabatra. — des troupes en revue. Mitsapa ny fahaizan' ny miaramila. Il a passé son examen. Nadinina izy. Il a bien passé son examen. Nahomby tsara tamy ny fanadinana izy, nahafaka ny fanadinana izy.

Se passer, *vpr.* 1° Mandalo, lasa, lany. Le temps se passe insensiblement. *Mandalo, lasa* tsikelikely ny andro. Ses jours se passent dans l'oisiveté. *Lany* amy ny fidonanaham-poana ny androny. 2°—. Mihamalazo. Les fleurs se passent. *Mihamalazo* ny voninkazo. 3° —, Mifady, tsy mila. Il ne saurait se — de vin. Tsy *mahafady* divay izy. Je me passerai de lui. *Tsy ilaiko* izy. 4°—, Misebo, misy. Ces faits se sont passés autrefois. Efa *nisebo* teo aloha ireo zavatra ireo, efa *nisy* izany teo aloha. 5°—, Mifamela. Il faut se — ses défauts. Samy tokony *hifamela* hadisoana.

PASSEREAU, *sm.* 1° Comme MOINEAU. 2°—, *pl.* Karazam-borona maro mitovy amy ny fody, ny sidintsidina, etc.

PASSERELLE, *sf.* Tetezana ety.

PASSE-TEMPS, *sm.* Fanalana andro.

PASSEUR, *sm.* Mpampita.

PASSIBILITÉ, *sf.* Ny ahazoana mijaly.

PASSIBLE, *adj.* 1° Mahazo mijaly. Le corps humain est—. *Mahazo mijaly* ny vatan'ny olombelona. 2°—, Mendrika hofaizina,— hosazina. Il est — d'une amende. *Mendrika hosazina* izy.

PASSIF, IVE, *adj.* 1° Tsy manao, miandry fotsiny, mandray, mandefitra, tsy mandinika. Il se tient—. *Tsy manao* na inona na inona, *miandry fotsiny* izy. Verbe—. Verba *mandray, mandefitra.* Pratiquer l'obéissance passive. Manaiky *tsy mandinika.* 2°—, Tsy maintsy haloa. Dette passive. Trosa *tsy maintsy haloa.* —, *sm.* Ny trosa tsy maintsy haloa.

PASSION, *sf.* 1° Fijaliany Jeso-Kristy. Il a prêché la—. Nitory ny *fijaliany Jeso-Kristy* izy. 2°—, Firehitry ny fo, fientanan' ny fo, fihetsehan'ny fo, filana, filan-dratsy, fitiavana be loatra, hadalana. — déréglée. *Firehitry ny fo* tsy amy ny antony, *filan-dratsy, fitiavana be loatra.* —noble. *Firehitry ny fo* amy ny zavatra mendrika. Cet orateur remue les passions. *Mampirehitra, mampientana, mampihetsika ny fo* io mpandaha-teny io. Il se laisse aller à ses passions. Manaraka ny *filany,* ny *filan-dratsiny* izy. Il a la — des livres. *Tia* boky *loatra* izy, *adalam*-boky izy. 3°—, Zavatra tiana loatra, — mahadala. L'étude est sa —. *Zavatra tiany loatra* ny fianarana. 4°—, Fiangarana. La — inspire toutes ses paroles. Mampiseho *fiangarana* ny teny ataony rehetra.

PASSIONNÉ, ÉE, *adj.* 1° Mirehitra izaitsizy, tia loatra, matimaty, adala. Discours —. Laha-teny *mirehidrehitra izaitsizy.* Il est — pour la justice. *Tia* ny rariny *loatra* izy. Il est — pour la gloire. *Matimatim*-boninahitra loatra izy. Il est — pour la musique. *Adalankira* izy. 2°—, Miangatra. Écrivain —. Mpamorom-boky *miangatra.*

PASSIONNÉMENT, *adv.* Fatratra, izaitsizy.

PASSIONNER, *va.* 1° Mampirehitra. Il sait — son langage. Mahay *mampirehidrehitra* ny laha-teniny izy. 2°—, Mampihetsiketsika. Cette discussion passionne l'assemblée. *Mampihetsiketsika* ny fivoriana izany ady hevitra izany.

Se passionner, *vpr.* Mirehitra izaitsizy, tia loatra, matimaty, adala.

PASSOIRE, *sf.* Masoarivo, fanatantavanana.

PASTEL, *sm.* Pensily fanaovan-tsary.

PASTÈQUE, *sf.* Voanketsihetsy.

PASTEUR, *sm.* 1° Mpiandry ondry. Abel était — de troupeaux. Abela dia *mpiandry ondry* andiany. 2° *fig.* Mpiandry ondry. Jésus-Christ est le souverain—des âmes. Jeso-Kristy no lohan' ny *mpiandry ondry.* 3°—, Mpitondra fiangonana protestanta, mpitandrina.

PASTILLE, *sf.* Bokotra mamy, paperomanitra. Pastilles de menthe. *Paperomanitra.*

PASTORAL, ALE, *adj.* 1° Momba ny mpiandry ondry, — ny any an-tsaha. Mœurs pastorales. Fomban' *ny mpiandry ondry, — ny any an tsaha.* 2° *fig.* Momba ny mpiandry ondrin' Andriamanitra, — ny eveka. Anneau —. Peratry ny *eveka.*

PASTORALEMENT, *adv.* Hoatra ny mpiandry ondry tsara.

PATATE, *sf.* Vomanga.

PATAUD, AUDE, *adj.* et *s.* Adala vatana, mivatan' adala, mitomohotohoka, tsy mahalala fomba, dondrina.

PATAUGER, *va.* 1° Mitsabatsaba. — dans la boue. *Mitsabatsaba* anatin' ny fotaka. 2° *fig.* Vaka, sanganehana.

PÂTE, *sf.* 1° Koba hatao mofo, mofo manta, koba. — de papier. *Koban*-taratasy. 2° *fig.* C'est un homme de bonne —. Olona salama tsy marofy izy. C'est une bonne — d'homme. Olona morabe, mpiasabe izy. Mettre la main à la —. Miasa, tsy manankin-drabaraha amy ny hafa. Être comme un coq en —. Finaritra izaitsizy.

PÂTÉ, *sm.* 1° Mofo mamy misisika hena na hazandrano. 2° *fig.* Pentin-dranomainty ‖ *loc.* — de maisons. Trano maro miangonangona.

PÂTÉE, *sf.* Hanim-borona, hani-masaka ho any ny biby fiompy.

PATELIN, INE, *s.* et *adj.* Kapetsy, mpikapetsy, mpandóka, mpanolikoly, mpanabóny. Il a un air —. Mitarehin' olon-*kapetsy*, etc., izy.

PATELINAGE, *sm.* Fikapetsy, fandokafana, fanolikolena, abóny.

PATELINER, *vn.* et *a.* Mikapetsy, mandóka, manolikoly, manabóny. Il pateline ses chefs. *Mikapetsy*, etc., ny lehibeny izy.

PATELINEUR, EUSE, *s.* Mpikapetsy, mpandóka, mpanolikoly, mpanabóny.

PATÈNE, *sf.* Patena.

PATENT, ENTE, *adj.* Miharihary. Cela est —. *Miharihary* izany.

PATENTE, *sf.* 1° Haba aloan' ny mpivarotra. 2° —, Taratasy filazana ny hasalaman' ny mpiantsambo.

PATENTÉ, ÉE, *adj.* et *s.* Mandoa haba. Marchand —. Mpivarotra *mandoa haba*.

PATER, *sm.* Fivavahan' ny Tompo.

PATERNEL, ELLE, *adj.* Any ny ray, amy ny ray, avy amy ny ray, hoatra ny ray. L'autorité paternelle. Ny fahefan' *ny ray*. Il a reçu la bénédiction paternelle. Nahazo tso-drano *tamy ny rainy* izy. Héritage —. Lova *avy amy ny ray*. Il avait pour lui une tendresse paternelle. Nampiseho fitiavana azy *hoatra ny ray* niteraka azy izy.

PATERNELLEMENT, *adv.* Hoatra ny ray.

PATERNITÉ, *sf.* Ny maharay ny ray, ny toetry ny ray.

PÂTEUX, EUSE, *adj.* Madity. Fruit —. Voankazo *madity*. Pain —. Mofo *madilidity*. J'ai la bouche pâteuse. *Madity* ny vavako.

PATHÉTIQUE, *adj.* Mahonéna, mampangoraka ny fo, mampitse-po, manetsika ny fo, mampientana ny fo. Discours —. Laha-teny *mahonéna*, etc.

—, *sm.* Zavatra mahonéna, etc.

PATHÉTIQUEMENT, *adv.* Mahonéna, etc.

PATHOLOGIE, *sf.* Fahaizana momba ny aretina samihafa.

PATHOLOGIQUE, *adj.* Momba ny aretina samihafa.

PATHOS, *sm.* Laha-teny mirehidrehitra loatra.

PATIBULAIRE, *adj.* 1° Fanantonana ny olo-meloka. 2° *fig.* Avoir la mine —. Mitarehin' olon-tsy vanona.

PATIEMMENT, *adv.* Amim-paharetana, amim-pandeferana.

PATIENCE, *sf.* Faharetana, fiaretana, fihafiana, fandeferana, fahandrasana, fahari-po. La — de Job est admirable. Mahagaga ny *faharetana*, ny *fandeferany* Joba. Le chrétien prend ses afflictions en —. Ny kristiana *maharitra, miaritra, mihafy, mandefitra* ny fahoriana. Ayez —. *Mahareta, mahandrasa*. La — vient à bout de tout. Mahavita be ny *faharetana*, ny *fahandrasana*.

—, *int.* Andraso.

PATIENCE, *sf.* Lavaravina.

PATIENT, ENTE, *adj.* Maharitra, miaritra, mihafy, mandefitra, mahalefitra, mahatsindry fo, mahandry, mahari-po. Il est — dans la douleur. *Maharitra, miaritra, mahafy, mandefitra, mahalefitra* fahoriana izy. Dieu est — envers les pécheurs. Andriamanitra *mahalefitra, mahandry* ny mpanota, *mahatsindry fo, mahari-po* amy ny mpanota. Pour réussir, il faut être —. Mba hahatontosa zavatra na inona na inona, tokony *haharitra, hahandry*.

—, *sm.* 1° Ny olona marary didian' ny dokotera. 2° —, Ny olona meloka efa hovonoina.

PATIENTER, *vn.* Maharitra, etc. Comme PATIENT.

PATIN, *sm.* Kapa vy fikorisana eny ambony ranomandry.

PATINER, *vn.* Mikorisa amy ny kapa vy.

PATINEUR, EUSE, *s.* Mpikorisa amy ny kapa vy.

PÂTIR, *vn.* 1° Mijaly, fadiranovana, faizina. Il a bien pâti avant de mourir. *Nijaly, fadiranovana* mafy izy talohan'ny nahafatesany. Souvent les bons pâtissent pour les méchants. Matetika ny tsara fanahy *mijaly* noho ny heloky ny ratsy fanahy. Il a fait la faute et j'en ai pâti. Izy no nanao hadisoana ka izaho no *voafay.* 2°—, Simba. Ce champ a pâti. *Simba* ity tanimboly ity.

PÂTISSER, *vn.* Manao mofo mamy.

PÂTISSERIE, *sf.* 1° Mofo mamy. 2° —, Fanaovana mofo mamy.

PÂTISSIER, IÈRE, *s.* Mpanao mofo mamy.

PATOIS, *sm.* Fitenin'ny ambanivohitra any Frantsa.

PATRAQUE, *sf.* 1° Zava-poana. Cette montre n'est qu'une —. *Zava-poana* ity famantaranandro ity. 2° *fig.* Olona reraka, — saozanina.

PÂTRE, *sm.* Mpiandry omby, — ondry.

PATRIARCAL, ALE. *adj.* 1° Momba ny Patriarka. 2°—, Fari-tany fehezin' ny patriarka.

PATRIARCHE, *sm.* 1° Patriarka. 2° *fig.* Lahiantitra maro fara.

PATRIE, *sf.* 1° Tanin-drazana, tany nahabe. Il est allé visiter sa — Lasa namangy ny *tanin-drazany,* ny *tany nahabe* azy izy. Il fait honneur à sa —. Voninahitry ny *tanin-drazany,* ny *tany nahabe* azy izy. 2°—, Malaza. La France est la — des sciences. *Malazam*-pahaizana ny Frantsay.

PATRIMOINE, *sm.* 1° Fananana avy amy ny ray aman-dreny. 2° *fig.* Fananana, harena. Les aumônes sont le — des pauvres. Ny fiantrana no *fananana, haren'* ny mahantra. L'industrie est son —. Ny fanaovana taozavatra no foto-*hareny.*

PATRIMONIAL, ALE, *adj.* Avy amy ny ray aman-dreny.

PATRIOTE, *s.* et *adj.* Tia tanin-drazana.

PATRIOTIQUE, *adj.* Mampiseho fitiavan-tanin-drazana.

PATRIOTIQUEMENT, *adv.* Amim-pitiavan-tanin-drazana.

PATRIOTISME, *sm.* Fitiavan-tanin-drazana.

PATRON, ONNE, *s.* 1° Mpiaro. Ste Geneviève est la patronne de Paris. Mb. Geneviève no *mpiaro* any Parisy. 2°—, Tompon-trano, talé.

PATRON, *sm.* Fakan-tahaka, moziry. Un — de dentelle. *Fakan-tahaka* anaovana dantely. Le — d'un paletot. Ny *mozirim*-palitao.

PATRONAGE, *sm.* 1° Fiarovana. Il a obtenu le — du ministre. Nahazo *fiarovana* tamy ny ministra izy. 2°—, Fitaizana. Œuvre de — des petits orphelins. *Fitaizana* ny ankizy kamboty.

PATRONAL, ALE, *adj.* Momba ny olo-masina mpiaro ny trano leglizy. Fête patronale. Fetin' ny *olo-masina mpiaro ny trano leglizy* anankiray.

PATRONNER, *va.* Miaro.

PATRONNESSE, *adj.* et *sf.* Vehivavy mpamory vola ho any ny mahantra.

PATRONYMIQUE, *adj.* Avy amy ny razana. Nom —. Anarana *avy amy ny razana.*

PATROUILLE, *sf.* 1° Fisafoana. Faire —. *Misafo.* 2°—, Mpisafo. J'ai rencontré la —. Efa nifanena tamy ny *mpisafo* aho.

PATROUILLER, *vn.* Misafo.

PATTE, *sf.* 1° Tongotra, tánana, fingotra. La — de derrière du chien. *Tongotr'* alika, *tongo*-ben' alika. La — de devant du chien. *Tongo-tánan'* alika, *tánan'* alika. La — d'un perroquet. *Tongo*-boloky. Les grosses pattes d'une écrevisse. Ny *tongotr'* orana. Les petites pattes d'une écrevisse. Ny *tánan'* orana. Des pattes d'araignée. Ny *tánan*-kala. Des pattes de mouche. Ny *tongotra,* ny *fingo*-dalitra. Un verre à —. Gilasy manan-*tongotra.* Marcher à quatre pattes. Mandia *tongotra* efatra, mandady. 2° *fig.* Pattes de mouche. Soratra saro-bakina. Faire — de velours. Manolikoly, manabóny, mikapetsy. Donner un coup de —. Mamoapoaka, mamelively, manaraby. Graisser la — à quelqu'un. Manisika vola olona.

PATTE-D'OIE, *sf.* Fihaonan-dálana maro.

PATTU, UE, *adj.* Voloin-tongotra. Pigeon—. Voromailala *voloin-tongotra.*

PÂTURAGE, *sm.* Tany fiandrasam-biby.

PÂTURE, *sf.* 1° Hanim-biby, fahana. Les petits poissons sont la — des gros. Ny hazandrano madinika no *hanin'* ny makadiry. Aux petits des oiseaux Dieu

donne la—. Andriamanitra manome *hanina, mamahana* ny zana-boro-manidina. 2° *fig*. Sakafo. La parole de Dieu est la—de l'âme. Ny tenin'Andriamanitra no *sakafon*'ny fanahy.

PÂTURER, *vn*. Homam-bilona, homana.

PAUME, *sf*. 1° Felatánana. 2°—, Fanaovam-baolina, fanipazam-baolina. Jeu de —. Tokotany *fanaovam-baolina*.

PAUPÉRISME, *sm*. Fahantran' olona maro ao amy ny fanjakana iray.

PAUPIÈRE, *sf*. 1° Hodi-maso, maso. La—supérieure. Ny *hodi-maso* ambony. Ouvrez la—. Sokafy ny *hodi-masonao*, etc. Dès qu'une personne est morte, on lui ferme la—. Raha misy olona miala aina, dia airina ny *masony*. 2° *fig*. Fermer la—. Matory. Fermer les paupières à quelqu'un. Mamonjy olona miala aina. Ouvrir la—. Mahatsiaro.

PAUSE, *sf*. Fijanonana, fialan-janona, fianinana, fiatoana. Le prédicateur fit une—. *Nijanona, niala janona, nianina, niato* kely ny mpitory teny.

PAUVRE, *adj*. 1° Mahantra, malahelo. Il est devenu —. Tonga *mahantra*, etc., izy. Un—diable. Olo-*mahantra*. Extrêmement—. *Mahantra* faraidiny, miporipory, mikaforoforo mikokokoko. 2° —, Tsy mahavokatra, tsy ampy, tsy mahay, kely, ratsy. Contrée—. Fari-tany *tsy mahavokatra*. Langue —. Fiteny *tsy ampy* teny. Un — poëte. Mpanao tononkira *tsy mahay*. C'est un — esprit. *Kely* saina izy. De — vin. Divay *ratsy*.

—, *sm*. Mahantra, malahelo. Donner aux pauvres. Manome ny *mahantra*, etc.

PAUVREMENT, *adv*. Mahantra, ratsy. Il vit—. Velona *mahantra*, velon*dratsy* izy. Il est vêtu —. Mitafy *ratsy* izy, *ratsy* ny fitafiany.

PAUVRESSE, *sf*. Vehivavy mahantra.

PAUVRET, ETTE, *s*. Ilay mahantra, ikala mahantra.

PAUVRETÉ, *sf*. 1° Fahantrana. 2°—, Tsy fahavokarana, tsy fahampiana, tsy fahaizana, hakelezana, zavatra tsinontsinona. Il ne dit que des pauvretés. Tsy milaza afa-tsy *zavatra tsinontsinona* izy.

PAVAGE, *sm*. 1° Ngorodom-bato, lampivato, akoravato mirafitra eny amy ny araben-dálana. 2°—, Fanaovana ngorodom-bato, — lampivato, fandrafetana akoravato.

PAVANER (SE), *vpr*. Miedinedina, miedikedika.

PAVÉ, *sm*. 1° Vato anaovana ngorodona, ngorodom-bato, lampivato, akoravato mirafitra eny amy ny araben-dálana. Le — de l'église est de marbre. Marbra ny *ngorodona*, ny *lampivaton'* ny trano leglizy. — de brique. *Ngorodon*-tanimanga. On a refait le — de cette rue. Natao indray ny *lampivato, narafitra* indray ny *akoravato* amin' izany araben-dálana izany. 2° *fig*. Être sur le —. Tsy manan-draharaha, tsy manana antontrano. Battre le —. Miriorio hoatra ny firaka atakalo. Tenir le haut du —. Voalohandohany.

PAVEMENT, *sm*. Fanaovana ngorodom-bato, — lampivato, fandrafetana akoravato.

PAVER, *va*. Manao ngorodom-bato, — lampivato, mandrafitra akoravato.

PAVEUR, *sm*. Mpanao ngorodom-bato, — lampivato, mpandrafitra akoravato.

PAVILLON, *sm*. 1° Trano lay vory loha. 2°—, Trano madinika efa-joro sady vory loha. 3°—, Vody, ravina. Le — d'une trompette. Ny *vody* trompetra. Le — de l'oreille. Ny *ravin*-tsofina. 4° —, Saina. Arborer le —. Manangan-*tsaina*; *fig*. mihaika ny fahavalo. Baisser le —. Mamotra-*tsaina*; *fig*. mikoy.

PAVOIS, *sm*. Ampingabe. Quand les Francs élisaient un roi, ils l'élevaient sur le —. Raha nifidy mpanjaka ny Frantsay taloha, dia nanandratra azy teo ambony *ampingabe*.

PAVOISER, *va*. Manisy saina maro amy ny sambo anankiray.

PAVOT, *sm*. Zava-maniry anaovana opioma.

PAYABLE, *adj*. Tsy maintsy haloa.

PAYANT, ANTE, *adj*. Tsy maintsy handoavam-bola. Billet —. Taratasy fidirana *tsy maintsy handoavam-bola*.

—, *sm*. Mpandoa vola. Nous sommes trois payants. Isika telo lahy no *mpandoa vola*.

PAYE, *sf*. Karama, tamby. C'est aujourd'hui jour de —. Anio no andro anomezana ny *karama*, etc.

PAYEMENT, *sm*. 1° Vola, trosa, karama, tamby. Il a reçu son —. Nandray ny *volany*, etc., izy. 2°—, Fandoavana. Le — se fera en trois termes. Intelo mandoa no *handoavana* izany vola izany.

PAYER, *va*. et *n*. 1° Mandoa. Il a payé une forte somme. *Nandoa* vola be izy.

2°—, Mandoa vola, — trosa, — karama, — tamby, — vidy, etc. Il ne paie pas ses créanciers. Tsy *mandoa* ny *vola*, ny *trosan'* ny tompon-trosa izy. Il paie les ouvriers chaque semaine. *Mandoa* ny *karama*, ny *tambin'* ny mpiasa isan-kerinandro izy. Cet ouvrier se fait bien —. Mitady *karama* be io mpiasa io. Il n'a pas encore payé son chapeau. Tsy mbola *nandoa* ny *vidin*-tsatrony izy. 3° *fig.* Mamaly, manonitra, valiana, faizina. On a bien payé ses services. *Novaliana* tsara ny soa nataony. Le bonheur l'a payé de ses peines. Ny hasambarana *nanonitra* ny hasasarany. Il a payé cette injure. *Nanonitra* izany fanevatevana izany izy, *novaliana*, *nofaizina* noho izany fanevatevana nataony izany izy. Il me le paiera. *Hamaly* azy aho, hahita aby izy. Il en paiera les pots cassés. *Hanonitra* izany izy. ‖ *loc.* — le tribut à la nature. Maty. —cher la victoire. Milofo mandresy.

Se payer, *vpr.* 1° Aloa. 2°—, Makatomban-javatra.

PAYEUR, EUSE, *s.* Mpandoa vola, — trosa, — karama. C'est un bon —. *Mandoa* tsara ny *trosany* izy. Il est — de l'armée. *Mpandoa* ny *vola*, ny *karaman'* ny miaramila izy.

PAYS, *sm.* 1° Tany, fari-tany. — chaud. *Tany* mafána. Il a vu du —. Nahita *tany* maro izy. — plat. *Tany* lemaka. Chaque — a ses usages. Samy manana ny fanaony ny *tany*, etc., rehetra. 2°—, Tanin-drazana, tany nahabe. Il aime son —. Tia ny *tanin-drazany*, ny *tany nahabe* azy izy.

PAYS, PAYSE, *s.* Mpiray tanin-drazana. Comme COMPATRIOTE.

PAYSAGE, *sm.* 1° Tany taka-maso. Voilà un beau—. Mahafinaritra ny toetr' ireo *tany taka-maso* ireo. 2°—, Sarin' ny tany taka-maso.

PAYSAGISTE, *sm.* Mpanao sarin' ny tany taka-maso amy ny loko.

PAYSAN, ANNE, *s.* Ambanivohitra. —, *adj.* Any ny ambanivohitra. Les habitudes paysannes. Ny fomban' ny *ambanivohitra*.

À la paysanne, *loc. adv.* Tahaka ny ambanivohitra.

PÉAGE, *sm.* Saran-dakana, saran-tetezana.

PÉAGER, *sm.* Mpaka sara.

PEAU, *sf.* 1° Hoditra. Maladie de —. Aretin-*koditra*. — de mouton. *Hoditr'* ondry. La — d'une pêche. Ny *hoditry* ny paiso. 2°—, Herotra. Il se forme une — sur le lait bouilli. Misy *herotra* mandry ao ambonin' ny ronono nampangotrahina.

PEAUSSERIE, *sf.* Fandoman-koditra, fivarotan-koditra.

PEAUSSIER, *sm.* Mpandon-koditra, mpivaro-koditra.

PECCABLE, *adj.* Mety manota. Tout homme est —. *Mety manota* ny olondrehetra.

PECCADILLE, *sf.* Hadisoana kely, fahotana madinika.

PÊCHE, *sf.* Paiso.

PÊCHE, *sf.* 1° Fihazana, fanjonoana, famintanana, fanaratoana, famovoana, fanihifana, fisakána, fihalorana. Il est allé à la —. Lasa *nihaza*, etc., izy. 2°—, Haza. Combien voulez-vous vendre votre —? Hoatrinona no ivarotanao ny *hazanao*?

PÉCHÉ, *sm.* Ota, fahotana, heloka. — grave. *Ota*, etc., lehibe. — véniel. *Ota*, *fahotana* madinika. ‖ *loc.*— mignon, Zavatra mahadala. Le jeu est son—mignon. Ny lalao no *zavatra mahadala* azy.

PÉCHER, *vn.* Manao fahotana, manota, mandika, manohitra, diso. — mortellement. *Manao fahotana* mahafaty. Eve fit — Adam. Eva *nampanota* any Adama. — contre les commandements de Dieu. *Mandika* ny didin'Andriamanitra. C'est — contre les règles de la grammaire. *Manohitra* ny lalán'ny gramara, *diso* amy ny lalán'ny gramara izany. Il a péché par trop de zèle. *Diso* ohatra ny fahazotoany.

PÊCHER, *sm.* Foto-paiso.

PÊCHER, *va.* 1° Mihaza, manjono, mamintana, manarato, mamovo, manihika, misaka, mihalotra. — avec un appât. *Manjono*.— à la ligne. *Manjono, mamintana*.— au filet. *Manarato*.— à la nasse. *Mamovo*.— avec le panier appelé *tandroho*. *Manihika*.— avec la main. *Misaka*, *mihalotra*. 2°—, Maka anaty rano.— des perles. *Maka* voahangy *anaty rano*. 3° *fig.* Mahita. Où a-t-il pêché cette histoire? Taiza no *nahitany* izany tantara izany?

PÊCHERIE, *sf.* Rano fanjonoana, — famintanana, etc.

PÉCHEUR, PÉCHERESSE, *s.* Mpanota.

PÊCHEUR, *sm.* Mpihaza, mpanjono,

mpamintana, mpanarato, mpamovo, mpanihika, mpisaka, mpihalotra.
—, *adj*. Fanjonoana, famintanana, fanaratoana. Bateau—. Sambo na lakan-drafitra *fanjonoana*, etc.
PÉCORE, *sf*. Olona donána velona.
PECTORAL, ALE, *adj*. 1° Amy ny tratra. Muscles pectoraux. Hozatra *amy ny tratra*. 2°—, Mahatsara ny tratra. Sirop—. Sirao *mahatsara ny tratra*.
PÉCULAT, *sm*. Fangalaran'ny mpanao raharaha ny volam-panjakana.
PÉCULE, *sm*. Hary. Cet esclave avait amassé un — considérable. Nahazo *hary* be izany andevo izany.
PÉCUNIAIRE, *adj*. Momba ny vola. Secours—. *Vola* fanampiana. C'est pour un intérêt—qu'ils se sont brouillés. Ny *vola* no antony tsy nifanarahan'izy ireo.
PÉDAGOGIE, *sf*. Fampianarana ny ankizy mandinika.
PÉDAGOGIQUE, *adj*. Momba ny fampianarana ny ankizy mandinika.
PÉDAGOGUE, *sm*. 1° Mpampianatra ny ankizy madinika. 2° *fig*. Olona be tebaka. Il fait le—. *Olona be tebaka* izy.
PÉDANT, ANTE, *s*. Mpihambo ho mahay, mpirehaka.
—, *adj*. Be hambo, be rehaka.
PÉDANTERIE, *sf*. Fihamboana ho mahay, hambo, rehaka, firehaka.
PÉDANTESQUE, *adj*. Be hambo, be rehaka. Style—. Laha-teny *be hambo*, etc.
PÉDANTESQUEMENT, *adv*. Amimpihamboana.
PÉDANTISER, *vn*. Mihambo ho mahay, mirehaka.
PÉDANTISME, *sm*. Fihamboana ho mahay, hambo, rehaka, firehaka.
PÉDESTRE, *adj*. Statue—. Sariolona mitsangana.
PÉDESTREMENT, *adv*. Amy ny tongotra. Aller—. Mandeha *tongotra*.
PÉDONCULE, *sm*. Tahozany, tangozany. —d'un fruit. *Tahozany, tangozam*-boankazo.
PÉDONCULÉ, ÉE, *adj*. Misy tahozany, —tangozany.
PEIGNE, *sm*. 1° Fihogo. 2°—, Fandraotra, fanotra.
PEIGNÉ, ÉE, *p*. et *adj*. 1° Voahogo, nohogoina. 2°—, Voaraotra, noraotina, voaotra, norina. 3° *fig*. Mal—. Voretra. Jardin bien—. Zarday voavoatra tsara.
PEIGNER, *va*. 1° Manogo. 2°—, Mandraotra, manotra. —du chanvre. *Mandraotra*, etc., rongony. 3° *fig*. Mandraotra. Je te peignerai. *Horaotiko* mihitsy ialahy.
Se peigner, *vpr*. 1° Mihogo. 2° *fig*. Mifandraotra.
PEIGNOIR, *sm*. 1° Sariveta fanao raha mihogo. 2°—, Akanjo fitondra raha vao mifoha.
PEIGNURES, *sf. pl*. Fati-bolo.
PEINDRE, *va*. 1° Manao sary hosoran-doko. — une fleur. *Manao sarim*-boninkazo *hosoran-doko*. 2°—, Manoso-doko, mandoko. —une chambre. *Manoso-doko*, etc., efi-trano. 3° *fig*. Mampiseho. Il peint bien le vice et la vertu. Mahay *mampiseho* ny toetry ny haratsiana sy ny hatsaram-panahy izy.
Se peindre, *vpr*. 1° Manao sarin-tena hosoran-doko. 2°—, Manoso-doko tena. 3° *fig*. Miseho. La colère se peignait dans ses regards. *Niseho* tamy ny fijeriny ny hatezerany.
PEINE, *sf*. 1° Famaizana, sazy, fanasaziana, valy, fanamelohana, fampijaliana. Il a commis la faute, il en portera la—. Nanao hadisoana izy, ka *hofaizina, hosazina, hovaliana*. Cela est défendu sous— d'amende. *Hosazina*'izay manao izany voarara izany. On lui a infligé une— trop forte. Mafy loatra ny *famaizana*, ny *fanasaziana*, ny *fanamelohana* azy, ny *sazy*, ny *fampijaliana* natao taminy. Il faut proportionner les peines aux délits. Tsy maintsy hampifanarahina amy ny hadisoana ny *famaizana*, etc. Il y a—de mort contre ceux qui contreviendront à cet ordre. *Hohelohin*-ko faty izay handika izany didy izany. — corporelle. *Fampijaliana* momba ny vatana. 2°—, Fijaliana, fahoriana, alahelo, ahiahy. Les peines de l'enfer. Ny *fijaliana* any amy ny afobe. Les peines de la vie. Ny *fijaliana*, ny *fahoriana* amin' izao fiainana izao. Il m'a bien fait de la—. *Nampalahelo* ahy mafy izy. Consoler quelqu'un dans ses peines. Manala *alahelo* olona. Je suis en—de n'avoir point de ses nouvelles. *Miahiahy* aho, satria tsy maharo ny toetrany. 3° —, Hasasarana, fahasahiranana, asa. Sa—n'a pas été inutile. Tsy *sasa*-poana izy. Il se donne beaucoup de—. *Misasatra, misahirana* mafy izy. C'est un homme de—. *Misasatra, misahirana*,

miasa fatratra izy. 4°—, Hasarotana, fananosarotra. Il aura beaucoup de — à gagner ce procès. *Sarotra* ho azy ny hahery amin' izany ady izany. Il a de la — à marcher. *Mananosarotra* izy raha mandeha. J'ai de la — à lui annoncer une si fâcheuse nouvelle. *Sarotra* amiko ny mampandre azy izany zava-baovao mampalahelo izany.

A peine, *loc. adv.* 1° Saika tsy. Il sait à — écrire. *Saika tsy* mahay manoratra izy. 2°—, Vao haingana. Il est à — de retour. Niverina *vao haingana* izy.

PEINÉ, ÉE, *adj.* Malahelo.

PEINER, *va.* 1° Mampalahelo. Cette nouvelle me peine. *Mampalahelo* ahy izany zava-baovao izany. 2°—, Mahasasatra. Ce travail vous peinera. *Hahasasatra* anao izany asa izany. 3°—, Misasatra, miasa fatratra. Il peine tout ce qu'il fait. *Misasatra*, etc., amin' izay rehetra ataony izy.

—, *vn.* Sasatra, mananosarotra, miasa fatratra. Ce cheval peine à tirer le bateau. *Sasatra*, etc., mitarika ny sambo kely io soavaly io

Se peiner, *vpr.* Misasatra, miasa mafy.

PEINT, PEINTE, *p.* et *adj.* 1° Nalaintsary mihoso-doko. 2°—, Voahoso-doko, nohosoran-doko, mihoso-doko, voaloko, nolokoana. 3° *fig.* Naseho, miseho.

PEINTRE, *sm.* 1° Mpanao sary mihoso-doko. 2° —, Mpanoso-doko, mpandoko. 3° *fig.* Mampiseho. Cet orateur est un grand—. Io mpandaha-teny io mahay *mampiseho* tsara ny zavatra lazainy.

PEINTURE, *sf.* 1° Fanaovan-tsary mihoso-doko, fanosoran-doko, fandokoana. 2°—, Sary mihoso-doko, hoso-doko, loko. 3° *fig.* Fampisehoana. Il excelle dans la — des caractères. Mahay *mampiseho* ny toe-panahin' olona izy.

PELAGE, *sm.* Volom-biby. Ces deux chevaux ne sont pas de même —. Tsy mitovy *volo* ireo soavaly roa ireo.

PELÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Voakiky volo, nokikisam-bolo, tsy misy volo, sola. Tête pelée. Loha *sola*. 2°—, Voavaofy, novoasana, voaendaka, nendahana. 3° *fig.* Terrain —, Tany tsy misy zava-maniry.

PÊLE-MÊLE, *adv.* Mifangaro, mifanjevo, misafotofoto, misaritaka, misavorovoro, mikorontana. Tout est — dans sa chambre. *Mifangaro*, etc,, ny zavatra rehetra ao amy ny efi-tranony.

—, *sm.* Fifangaroana, fifanjevoana, fisafotofotoana, fisaritaka, fisavorovoro.

PELER, *va.* 1° Mikiky volo. —un cochon de lait. *Mikiky volon*-jana-kisoa. 2°—, Mivaofy, mamaofy, manendaka. — une pomme. *Mivaofy, mamaofy* paoma. —un arbre. *Manendaka* hazo.

—, *vn.* Mihofaka, miofo. Son doigt a pelé. *Nihofaka, niofo* ny rantsan-tànany.

PÈLERIN, INE, *s.* Mpivahiny mandeha hivavaka.

PÈLERINAGE, *sm.* 1° Fivahiniana. 2° *fig.* Cette vie n'est qu'un—. *Fivahiniana* fotsiny izao fiainana izao.

PÈLERINE, *sf.* Kapaoty fohy.

PÉLICAN, *sm.* Pelikána.

PELISSE, *sf.* Kapaoty fohy voasosona na voahaingo hoditra malemy volo.

PELLE, *sf.* 1° Lapely, sahiratsy. 2° *fig.* Remuer l'argent à la—. Manan-karena be, manahy vola, ailika ny hareny.

PELLÉE, PELLERÉE, PELLETÉE, *sf.* Eran' ny lapely.

PELLETERIE, *sf.* Fanamboarana na fivarotana hoditra malemy volo.

PELLETIER, IÈRE, *s.* Mpanamboatra na mpivarotra hoditra malemy volo.

PELLICULE, *sf.* Hoditra manify, hofakofaka, elatrelany, herotra. —qui se détache de la peau. *Hoditra manify, hofakofaka* miala amy ny hoditra. Les grains de grenade sont séparés par de petites pellicules. Misy *elatrelany* manify mampisaraka ny voan' ny amponga-bendanitra. Enlevez la — qui s'est formée sur ce lait bouilli. Esory ny *herotra* amin' io ronono nampangotrahina io.

PELOTE, *sf.* 1° Kibory, vorenana. —de fil. *Kiborin*-taretra. —de ficelle. *Vorenan*-kofehy. Être en—. *Mivorimborina*. 2°—, Fanisiham-paingotra. 3°—, Volavola. —de neige. *Volavolan'* oram-panala. 4° *fig.* Faire sa—. Manangon-karena, mihary.

PELOTER, *va.* 1° Mamorimborina. — du fil. *Mamorimborina* taretra. 2° *fig.* Mamely, mamoapoaka.

Se peloter, *vpr.* 1° Avorimborina. 2° *fig.* Mifamely, mifamoapoaka.

PELOTON, *sm.* 1° Kibory, vorenana. 2°—, Antoko-miaramila, sokajy.

PELOTONNER, *va.* Mamorimborina. — du fil. *Mamorimborina* taretra.

Se pelotonner, *vpr.* 1° Avorimborina. 2° *fig.* Mikainkona, miforitra. Le hérisson se pelotonne —. *Mikainkona*, etc., ny sokina.

PELOUSE, *sf.* Tany be volon' ahitra.

PELUCHE, *sf.* Lamba voloina ila.

PELUCHÉ, ÉE, *adj.* Voloina.

PELURE, *sf.* Hoditra. — de pomme. *Hodi*-paoma.

PÉNAL, ALE, *adj.* Momba ny fanamelohana. Code —. Bokin' ny lalána *momba ny fanamelohana.*

PÉNALITÉ, *sf.* Fanamelohana.

PÉNATES, *sm. pl.* 1° Sampy nataon' ny Romana ho mpiaro trano. 2° *fig.* Fonenana, trano. Je reverrai mes —. Ho hitako indray ny *fonenako*, ny *tranoko.*

—, *adj.* Les dieux —. Ny sampy mpiaro ny trano.

PENAUD, AUDE, *adj.* Mangaihay.

PENCHANT, *sm.* 1° Kisolosolo. Le — d'une colline. Ny *kisolosolon'* ny tanety. 2° *fig.* Fitongilanana, hamorana, fitiavana. Il ne résiste pas à ses mauvais penchants. Tsy manohitra ny *fitongilanan*-dratsiny izy. C'est là son —. Izany no *tiany.* Voy. INCLINATION. 3°—, Fandroronana, miha..., efa ho... Il est sur le — de l'âge. *Mandrorona* ny taonany, *mihantitra* izy. Il est sur le — de sa ruine. *Efa ho* lany harena izy. Se retenir sur le— du précipice. Miahotra raha *efa hivarina* antevana.

PENCHANT, ANTE, *adj.* 1° Mitongilana, mirona, miraika. Un mur—. Rindrina *mitongilana*, etc. 2° *fig.* Mandrorona, miha....., efa ho.....

PENCHÉ, ÉE, *p.* et *adj.* Natongilana, mitongilana, narona, mirona, naraika, miraika, naondrika, miondrika. Comme INCLINÉ.

PENCHEMENT, *sm.* Fitongilanana, firona, firaika, fiondrehana, fiondrika.

PENCHER, *va.* Mampitongilana, manongilana, mampirona, mampiraika, mampiondrika, manondrika.

—, *vn.* 1° Mitongilana, mirona, miraika. Comme INCLINER. 2° *fig.* Tia. Il penche vers la clémence. *Tia* famindram-po izy. 3°—, Efa ho.... Cet État penche vers sa ruine. *Efa ho* rava, mirona izany fanjakana izany.

Se pencher, *vpr.* Miondrika.

PENDABLE, *adj.* 1° Mendrika hahantona. 2° *fig.* Tour—. Hasomparana lehibe.

PENDAISON, *sf.* Fanantonana olo-meloka.

PENDANT, *prép.* Mandritra. —l'été. *Mandritra* ny fahavaratra. Comme DURANT.

Pendant que, *loc. conj.* Raha, rahefa, fony, nony, tamy ny. Comme LORSQUE.

PENDANT, ANTE, *adj.* Miraviravy, mirazorazo, mikopakopaka. Des manches pendantes. Tánan' akanjo *miraviravy, mirazorazo.* Des oreilles pendantes. Sofina *mikopakopaka.* 2° *fig.* Tsy tapaka. La cause est pendante. *Tsy tapaka* ny ady.

—, *sm.* 1° Zavatra mitovy, —sahala, —mifandanja. Ces deux tableaux font pendants. *Mitovy*, etc., ireo sary roa ireo. 2°—, Kavina. Pendants d'oreilles. *Kavina.* 3° *fig.* Zavatra mifandraidraika. Voici le—de votre récit. Inty koa ny tantara *mifandraidraika* amy ny anao.

PENDARD, ARDE, *s.* Karilahy, karivavy, karin' olona, karin-javatra.

PENDELOQUE, *sf.* 1° Romborombondamba. 2°—, Vatosoa atao amy ny kavina. 3°—, Fitaratra miraviravy amy ny giloby maro rantsana.

PENDILLER, *vn.* Miraviravy, mikiraviravy, mirazorazo, mikirazorazo, mikopakopaka. Linge qui pendille. Lamba *miraviravy*, etc.

PENDRE, *va.* Manantona. —de la viande au croc. *Manantona* hena amy ny farango. — un assassin. *Manantona* mpamono olona.

—, *vn.* 1° Mihantona, miraviravy, mirazorazo. Un sabre pendait à sa ceinture. Nisy sabatra *nihantona* tamy ny fehinkibony. Les fruits pendent aux arbres. *Miraviravy, mirazorazo* eny am-potony ny voankazo. 2°—, Ambany loatra. Votre robe pend d'un côté. *Ambany loatra* ny ila ziponao.

Se pendre, *vpr.* 1° Mananton-tena. 2°—, Mihantona. Se—aux branches d'un arbre. *Mihantona* amy ny rantsan-kazo. 3° *fig.* Se—au cou de quelqu'un. Manoroka, mamihina olona amim-pitiavana.

PENDU, UE, *p.* et *adj.* 1° Voahantona, nahantona, mihantona. 2° *fig.* Avoir la langue bien pendue. Marani-dela.

—, *s.* Olona nahantona, —nananton-tena.

PENDULE, *sm.* Kapily.

—, *sf.* Famantaranandro mihantona.

PÊNE, *sm.* Lahim-panalahidy.

PÉNÉTRABILITÉ, *sf.* Ny ahazoana hotanterahina.

PÉNÉTRABLE, *adj.* 1° Azo tanterahina, laitra. 2°—, Azo idirana.

PÉNÉTRANT, ANTE, *adj.* 1° Mahalaitra, manaikitra, mamirifiry, mandrafana. Le sel est—. *Mandaitra, manaikitra* ny sira. Froid—. Hatsiaka *manaikitra, mamirifiry.* Odeur pénétrante. Fofona *mandrafana.* 2° *fig.* Mahiratsaina, mahita, mahafantatra, mahalala. Il a l'esprit—. *Mahira-tsaina* izy. Il a le regard—. *Mahita, mahafantatra, mahalala* ny ao am-po amy ny fijery izy. 3°—. Mahonéna, mampangora-po, mampitse po. Discours—. Laha-teny *mahonéna*, etc.

PÉNÉTRATION, *sf.* 1° Fahalairana. 2° *fig.* Fahiratan-tsaina, fahafantarana, fahalalana. Il est doué de —. *Mahiratsaina* izy, mora *mahafantatra,* mora *mahalala* izy.

PÉNÉTRÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Tanterahina, notanterahina, laitra. 2° *fig.* Mahita mazava, nilatsahana lalina, feno, hontsa. Je suis — de cette vérité. *Hitako mazava, latsaka lalina* ao an-tsaiko izany zavatra marina izany. — de l'amour de Dieu. *Feno* fitiavana an' Andriamanitra. — de douleur. *Hontsan'* ny alahelo.

PÉNÉTRER, *va.* 1° Maninteraka, mahalaitra. La lumière pénètre le verre. *Maninteraka* ny fitaratra ny fahazavana. Le mercure pénètre les chairs. *Mahalaitra* ny nofo ny volavelona. 2° —, Miditra. La flèche a pénétré les chairs. Ny zana-tsipika *niditra* anatin' ny nofo. 3° *fig.* Mahita, mahafantatra, mahalala. Dieu pénètre le fond des cœurs. Andriamanitra *mahita,* etc., ny ao am-po. 4°—, Mahonéna, mampangora-po, mampitse-po. Ses souffrances m'ont pénétré le cœur. Ny fahoriany *nahonéna,* etc., ahy.

—, *vn.* 1° Miditra. — dans une caverne. *Miditra* anaty zohy. 2° *fig.* Mahita, mahafantatra, mahalala. J'ai pénétré dans sa pensée. *Efa hitako, fantatro* ny heviny.

Se pénétrer, *vpr.* Mandatsaka lalina ao am-po. Pénétrez-vous de cette vérité. *Alatsaho lalina ao am-ponao* izany zavatra marina izany

PÉNIBLE, *adj.* 1° Mahasasatra, manahirana, sarotra, mampananosarotra. Travail —. Asa *mahasasatra, manahirana.* Chemin —. Lálana *mahasasatra,* etc. 2°—, Mampalahelo, mampiahiahy. Situation —. Toetra *mampalahelo,* etc.

PÉNIBLEMENT, *adv.* Mahasasatra, manahirana, sarotra, mampananosarotra. Il marche —. *Sahiranhirana, mananosarotra* izy raha mandeha, *sarotra* aminy ny mandeha.

PÉNINSULE, *sf.* Tanjona saiky nosy.

PÉNITENCE, *sf.* 1° Fivalozana, fibebahana. Faites —si vous voulez être sauvés. *Mivaloza, mibebaha* hianareo raha te-ho voavonjy. 2°—, Penitansy, fikonfesena. Le sacrement de —. Ny sakramentan' ny *penitansy.* Le tribunal de la —. Ny trano *fikonfesena.* 3°—. Asa fivalozana, fampijalian-tena, sazy. Le confesseur m'a imposé une trop forte —. Mafy loatra ny asa *fivalozana* nasain' ny mpampikonfesy hataoko. Il vit dans une— continuelle. Manao asa *fivalozana, fampijalian-tena* lalandava izy. Mettez cet enfant en—. *Sazio* io zaza kely io.

PÉNITENCIER, *sm.* Trano famaizana, tranomaizina.

PÉNITENT, ENTE, *adj.* 1° Mivalo, mibebaka. 2°—, Manao asa fivalozana, manao fampijalian-tena.

—, *s.* Mpikonfesy.

PÉNITENTIAIRE, *adj.* Momba ny ao an-tranomaizina.

PÉNITENTIAUX, ELLES, *adj. pl.* Momba ny fivalozana, — ny asa fivalozana. Psaumes pénitentiaux. Salamon' *ny fivalozana.*

PENNE, *sf.* Volo mahery amy ny vorona.

PÉNOMBRE, *sf.* Aloka.

PENSANT, ANTE, *adj.* Mihevitra.

PENSÉE, *sf.* 1° Fihevorana, hevitra, fieritreretana, eritreritra, fandinihana, fisainana. La — est l'attribut de l'esprit. Anjaran' ny fanahy irery ny *mihevitra.* Il déguise sa —. Manarona ny *heviny* izy. C'est une — profonde. Lalina izany *hevitra* izany. Il dénature ma —. Manova ny *hevitro* izy. Il a changé de —. Niova *hevitra* izy. Il est enfoncé dans ses pensées. Revo *mihevitra, mieritreritra, mandinika, misaina* izy. Vous avez lu dans ma —. Efa namaky *eritreritra* ahy hianao. 2°—, Saina. Cela m'est venu dans la —. Tonga tao an-*tsaiko* izany.

PENSER, *vn.* 1° Mihevitra, mieritreritra, mandinika, misaina. L'homme pense. *Mihevitra* ny olona. Il pense toujours mal de son prochain. *Mihevi*-dra-

tsy mandrakariva ny namany izy. Il parle sans —. Mandefa teny tsy *voahevitra* izy. Cela donne à —. *Mampieritreritra* izany. Pensez-y bien. *Hevero, eritrereto, diniho, saino* tsara izany. 2°—, Manampó, nahy, mahatsiaro, mikasa. Le mal vient sans qu'on y pense. Tonga tsy *nampoizina* ny aretina. Il a fait cela sans y—. Nanao izany tsy *nahy* izy. Je pense souvent à vous. *Mahatsiaro* anao matetika aho. Il pense à se marier. *Mikasa* hanambady izy. 3°—, Manao. Je pensais qu'il était de vos amis. *Nataoko* fa sakaizanao izy. 4°—, Mitandrina. Vous avez des ennemis, pensez à vous. Misy mankahala anao, ka *tandremo* tsara. 5°—, Saika, kasa. J'ai pensé mourir. *Saika*, etc., maty aho.

—, *va.* Mihevitra, hevitra. Il pensait tout autre chose. *Nihevitra* zavatra hafa izy, hafa ny *heviny*. Que pensez-vous de cette affaire? Inona no *hevitrao* amin' izany raharaha izany?

PENSER, *sm.* Hevitra. De doux pensers. *Hevitra* mahafinaritra.

PENSEUR, *sm.* Mpihevitra, mpandinika, mpisaina.

PENSIF, IVE, *adj.* Mieritreritra. Ce discours l'a rendu—. *Nampieritreritra* azy izany resaka izany.

PENSION, *sf.* 1° Vidin-kanina ao antranom-bahiny. 2°—, Tranom-bahiny. Il est en—. Mitoetra ao *an-tranom-bahiny* izy. 3°—, Trano fianaran'ny laklasy mandry. 4°—, Ny laklasy mandry. 5°—, Vola omen' ny fanjakana na olon-kafa isan-taona ho valisoa.

PENSIONNAIRE, *s.* 1° Mpitoetra ao an-tranom-bahiny. 2°—, Laklasy mandry. 3°—, Mpahazo vola isan-taona.

PENSIONNAT, *sm.* Trano fianaran' ny laklasy mandry

PENSIONNER, *va.* Manome vola isantaona.

PENSUM, *sm.* Soratra atao sazy. Cet élève a souvent des pensums. *Voasazy hanoratra* matetika io mpianatra io.

PENTAGONE, *adj.* et *sm.* Dimy zoro sady dimy lafy.

PENTE, *sf* 1° Kisolosolo, fisolampy. La— est bien raide. Mideza loatra ny *kisolosolo*. L'emplacement va en—. *Misolampy* ny tokotany. Donner de la— à une allée. *Manasolampy* araben-dálana. 2° *fig.* Fitiavana. Il a beaucoup de— au libertinage. *Tia* filibana loatra izy. Voy. INCLINATION.

PENTECÔTE, *sf.* Pentekoty.

PENTURE, *sf.* Savily, vy miady.

PÉNULTIÈME, *adj.* Mialoha ny vakiteny farany amy ny teny iray.

PÉNURIE, *sf.* 1° Tsy fahampiana. Comme DISETTE. 2°—, Fahantrana. Il vit dans la —. *Mahantra* izy.

PÉPIE, *sf.* Aretina amy ny tendron-delam-borona.

PÉPIN, *sm.* Voa.—de raisin. *Voan'* ny voaloboka.

PÉPINIÈRE, *sf.* 1° Zana-kazo maro, tanin-jana-kazo. 2° *fig.* Ihaviana. Cette province est une—de bons soldats. Izany fari-tany izany no *ihavian*'ny miaramilamahery.

PÉPINIÉRISTE, *sm.* Mpamboly zanakazo.

PERCALE, *sf.* Pariakala.

PERÇANT, ANTE, *adj.* 1° Mandoaka, maninteraka, managorobaka. Le foret est un instrument—. Ny kamositra dia zavatra *fandoahana, fanagorobahana.* 2° *fig.* Manaikitra, mamirifiry, minananana, mikiririoka, mahiratra. Froid—. Hatsiaka *manaikitra, mamirifiry* Voix perçante. Feo *minananana, mikiririoka*. Il a des yeux perçants. *Mahira*-maso izy. Il a l'esprit—. *Mahira*-tsaina izy.

PERCÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Voaloaka, noloahana, loaka, notanterahina, tanteraka, voagorobaka, nogorobahana, migorobaka, voahirika, nohirifana, voapotsitra, nopotsirina, potsitra, voatevika, notevehina, mitevika. Habit—. Akanjo *loaka*. 2°—, Misy lálana, misy varavarankely. Forêt bien percée. Ala *misy lálana* tsara. Une maison bien percée. Trano *misy varavaran-kely* milamina tsara. 3° *fig.* C'est un panier —. Mpandany harena izy.

PERCE-BOIS, *sm.* Fositra.

PERCÉE, *sf.* Lálana, fitazanana. Il y a plusieurs percées dans cette forêt. Maro ny *lálana*, ny *fitazanana* amin' izany ala izany.

PERCEMENT, *sm.* 1° Fandoahana, faninterahana, fanagorobahana, fangiribana. 2°—, Fanaovana lálana, —varavarana, fihadiana. Le — d'un canal. Ny *fihadiana* ny lakan-drano.

PERCE-OREILLE, *sm.* Amboalambokely.

PERCEPTEUR, *sm.* Mpamory hetra.

PERCEPTIBLE, *adj.* 1° Azo alaina, — raisina. Impôt —. Hetra *azo alaina*, etc. 2° —, Hita, tratra, re. Cela n'est point — aux yeux. Tsy *hita*, tsy *tratry* ny maso izany. Cela n'est point — au goût. Tsy *ren'* ny vava izany.

PERCEPTION, *sf.* 1° Fakana hetra, haba, etc. 2° —, Fahitana, fahatratrarana, fandrenesana.

PERCER, *va.* 1° Mandoaka, maninteraka, managorobaka, manatrobaka, mangirika, mamotsitra, manevika. — une planche. *Mandoaka*, *maninteraka*, *managorobaka* hazo fisaka. — un mur. *Mandoaka, managorobaka, mangirika* ampiantany. — un abcès. *Mamotsitra* vay. — les oreilles pour mettre des boucles. *Manevika* sofina. La pluie a percé tous ses habits. *Tanteraky* ny orana ny akanjony rehetra. 2° —, Manisy lálana, — varavarana. — une route dans un bois. *Manisy lálana* anaty ala. — une croisée dans un mur. *Manisy varavaran*-kely amy ny rindrina. 3° —, Mamaky. — les rangs ennemis. *Mamaky* ny laharan' ny fahavalo. 4° *fig.* Mahita, mahafantatra, mahalala. — l'avenir. *Mahita*, etc., ny ho avy. 5° —, Mampangoraka, mampitsetra. Ses plaintes me percent le cœur. *Mampangoraka*, etc., ny foko ny fitarainany.

—, *vn.* 1° Foy, potsitra, maninteraka, miseho. L'abcès a percé. *Foy, potsitra* ny vay. Le soleil perce à travers le nuage. *Maninteraka* ny rahona ny masoandro. Les dents commencent à — à cet enfant. *Miseho* sahady ny niîin' io zaza kely io. 2° —, Misy fivoahana. Cette maison perce sur deux rues. *Misy fivoahana* ho amy ny araben-dálana roa ity trano ity. 3° *fig.* Miseho. La vérité perce tôt ou tard. Na faingana na ela tsy maintsy *hiseho* ny marina. 4° —, Mihamalaza. Cet auteur commence à —. *Mihamalaza* izany mpamorom-boky izany.

Se percer, *vpr.* 1° Loaka. Son vêtement se perce. *Loaka* ny akanjony. 2° —, Manatroba-tena. Il s'est percé le cœur avec son épée. *Nanatrobaka* ny fony tamy ny sabatra izy.

PERCEVOIR, *va.* 1° Mamory hetra, mandray hetra, — haba, etc. 2° —, Mahita, mahatratra, mandre.

PERCHE, *sf.* 1° Tehin-dakana. 2° —, Hazo lava. 3° *fig.* C'est une grande —. Olona jaobe, jangoranga izy.

PERCHER, *vn.* **Se percher,** *vpr.* 1° Miteronterona, miringiringy. 2° *fig.* Miringiringy. Voy. JUCHER.

PERCHOIR, *sm.* Fiteronteronana, fisampazana.

PERCLUS, USE, *adj.* Malemy, maty tánana, — tongotra.

PERÇOIR, *sm.* Fandoahana, kamositra.

PERCUSSION, *sf.* Dona, fidona, poka, fipoka, gona, figona, paika, fipaika, voly, fively. Instruments de —. Zava-maneno *donina, velezina.* Voy. CHOC.

PERDABLE, *adj.* Mety maty loka, mety resy. Ce pari n'est pas —. Tsy *hety ho faty loka* izay niloka izany.

PERDANT, ANTE, *s.* Maty loka, resy. Les gagnants et les perdants. Ny mahazo sy ny *maty loka.*

—, *adj.* Tsy mahazo. Numéro —. Marika *tsy mahazo.*

PERDITION, *sf.* Fahaverezana. Il est dans le chemin de —. Ao amy ny lálan ny *fahaverezana* izy.

PERDRE, *va.* 1° Very, manary, mandany, mamoy, tsy manana, maty, resy, maty antoka, afaka, diso, nahaverezana, nahafatesana, tsy, etc. J'ai perdu ma bourse. *Veriko, nariako* ny kitapom-bolako. Il a perdu tous ses biens. *Lany* ny hareny rehetra. Ce prince a perdu ses États. *Namoy* ny fanjakany io andriandahy io. Il a perdu sa place. *Tsy manana* anton-toerana intsony izy. Il vient de — son père. Vao *namoy* ray, *maty* ray izy. Il a perdu le pari. *Maty* loka izy. Il a perdu la bataille. *Resy* an'ady izy. Il a perdu une piastre sur sa marchandise. *Maty antoka* ariary tamy ny varotra nataony izy. Il a perdu la raison. *Very* saina izy. Il a perdu la carte. *Very* hevitra, sanganehana izy. — courage. *Mamoy* fo. Il a perdu son honneur. *Afa*-pofona, *afa*-baráka izy. Il a perdu son chemin. *Diso* lálana izy. Il a perdu quatre bœufs. *Nahaverezana* efatra ny ombiny. L'ennemi a perdu dix mille hommes. *Nahafatesana* iray alina ny fahavalo. J'en ai perdu le souvenir. *Tsy* tsaroako izany. Le malade a perdu la parole. *Tsy* mahateny intsony ny marary. Il a perdu le sommeil. *Tsy* mahita tory izy. Il a perdu la vue. *Tsy* mahita intsony, jamba izy. ‖ *loc.* Qui a perdu la santé. Farofy. Remède qui a perdu sa force. Fanafody nihalefy. — la vie. Maty. Cette étoffe a perdu

sa couleur. Niofo ity lamba ity. 2°—, Manary foana, mandany foana, very foana. Il perd son temps. *Manary, mandany foana* ny androny izy. Il perd sa peine. *Very foana* ny ainy, sasa-poana izy. 3°—, Manimba, mamohehatra. L'inondation a perdu les campagnes. Ny fahatondrahandrano *nanimba, namohehatra* ny any an-tsaha. 4° *fig.* Manimba, mahavery, mampahita loza, manala baráka. Les mauvais exemples perdent les jeunes gens. Ny oha-pitondran-tena ratsy *manimba, mahavery* ny tanora. C'est un homme qui vous perdra. *Hahavery, hampahita loza* anao io olona io. Ses ennemis l'ont perdu dans l'esprit du prince. Ny fahavalony *nanala baráka* azy tamy ny mpanjaka.

—, *vn.* 1° Maty loka, maty antoka, resy. Vous n'avez pas perdu au change. Tsy *maty antoka*, tsy *resy* amy ny fanakalozana hianao. Il perd sur sa marchandise. *Maty antoka* amy ny varotra ataony izy. 2°—, Mihem-bidy, miharatsy. Ce billet perd sur la place. *Mihem-bidy* izany taratasy vola izany atý. Les fruits perdent en vieillissant. *Miharatsy* ny voankazo rahefa ela. 3° *fig.* Mihen-daza. Cet ouvrage a perdu. *Nihena ny lazan'* io boky io.

Se perdre, *vpr.* 1° Diso lálana, mania. Nous nous perdimes dans le bois. *Diso lálana, nania* tany anaty ala izahay. 2° —, Tsy hita intsony, rendrika, levona, tapitra, mitsahatra. Il se perdit dans la foule. *Tsy hita intsony* tao afovoan' ny vahoaka izy. Le navire s'est perdu. *Tsy hita intsony, rendrika* ny sambo. La rivière se perd dans la terre en cet endroit. *Levona* any anaty tany ny renirano rahefa mby ao. Le chemin se perd en cet endroit. *Tapitra* ny lálana rahefa mby ao. Cet usage se perd de jour en jour. *Mitsahatra* tsikelikely izany fanao izany. 3° *fig.* Manary tena, mahavery tena, mahita loza, manala bara-tena, mihasimba, mihalany harena, very hevitra. Qu'allez-vous faire? vous vous perdez. Inona izato ataonao? *manary tena, hahita loza* hianao. Vous vous perdez de réputation. *Manala bara-tena* hianao. Il s'est perdu en mauvaise compagnie. *Simban'* ny naman-dratsy izy. Il se perd par ses dépenses excessives. *Mihalany harena* izy fa mitobatoba loatra. Je m'y perds. *Very hevitra* aho amin' izany.

PERDREAU, *sm.* Zana-tsipoy.

PERDRIX, *sf.* Tsipoy.

PERDU, UE, *adj.* 1° Very, diso lálana, mania. Objet —. Zavatra *very*. Voyageur —. Mpandeha *diso lálana, mania.* 2°—, Lany foana, very foana. C'est temps —. *Lany foana* ny andro amin' izany. C'est peine perdue. Hasasarana *very foana* izany. 3° *fig.* Afa-baráka, afa-pofona, simba, lany harena, marary mafy. Il est — d'honneur. *Afa-baráka, afa-pofona* izy. C'est un homme —. Olona *lany harena, marary mafy* izy. ‖ *loc.* Pays —. Tany efitra. Tout est —. Tsy misy azo antenaina intsony. Un bienfait n'est jamais —. Hisy valiny ny soa átao na ela na haingana. J'irai vous voir dans un de mes moments perdus. Hamangy anao aho raha misy kely ahafahako. Il se jeta à corps — dans la mêlée. Nirotsaka nanao anjolofo tamy ny ady izy. Il a mis son argent à fonds perdus. Nafoiny avokoa ny volany rehetra mba handraisany zana-bola ambara-pahafatiny hiany. Sentinelle perdue. Mandritsiamanafo lavidavitry ny tanána na toby.

—, *sm.* Courir comme un perdu. Mihazakazaka araka izay tratry ny aina.

PÈRE, *sm.* 1° Ray. Le — éternel. Andriamanitra *Ray*. Notre premier —. Ny voalohan-*draintsika*. 2°—, Razana. Nos pères. Ny *razantsika*. 3° *fig.* Ray, mompera, eveka. Le saint —. Ny *ray* masina, ny papa. Le — supérieur. *Mompera* lehibe. Les pères du concile. Ny *eveka* izay ao amy ny fivoriana. 4° —, Ray aman-dreny. Il est le — des pauvres. *Ray aman-drenin'* ny mahantra izy. 5° —, Nisehoana. Il est le — de l'histoire. Izy no *nisehoan'* ny tantara.

De père en fils, *loc. adv.* Mifindra amy ny zanany.

PÉRÉGRINATION, *sf.* Fivahiniana.

PÉREMPTOIRE, *adj.* Mazava, mibaribary. Réponse —. Valin-teny *mazava.* etc.

PÉREMPTOIREMENT, *adv.* Mazava, an-karibary.

PERFECTIBILITÉ, *sf.* Ny ahazoana mihalavorary.

PERFECTIBLE, *adj.* Mahazo mihalavorary, — mandroso.

PERFECTION, *sf.* Halavorariana, fahalavorariana. Il est difficile d'arriver à la —. Sarotra ny mahatratra ny *halavorariana*, etc. Il est doué de toutes

les perfections. Manana ny *halavorariana*, etc., rehetra izy. Les perfections de Dieu. Ny *halavorariana*, etc., samihafa ao amin' Andriamanitra.

En perfection, à la perfection, *loc. adv.* Lavorary.

PERFECTIONNEMENT, *sm.* Fandavorariana, fihalavorariana, fampandrosoana, fandrosoana.

PERFECTIONNER, *va.* Mandavorary, mampandroso. Il a perfectionné l'horlogerie. *Nandavorary* ny fanaovam-pamantaranandro izy. Il perfectionne son esprit par l'étude. *Mampandroso* ny sainy amy ny fianarana izy.

Se perfectionner, *vpr.* Mihalavorary, mandroso fahaizana. Ce jeune homme s'est perfectionné. *Nihalavorary,* etc., io tovolahy io.

PERFIDE, *adj.* 1° Mamitaka, mamadika, manome vohony, manody. Ami —. Sakaiza *mamitaka*, etc. 2°—, Misy fitaka. Louanges perfides. Fiderana *misy fitaka.*

—, *sm.* Mpamitaka, mpamadika, mpanome vohony.

PERFIDEMENT, *adv.* Amim-pitaka.

PERFIDIE, *sf.* Fitaka, famadihana, fanomezam-bohony.

PERFORATION, *sf.* Fandoahana, faninterahana, fanagorobahana.

PERFORER, *va.* Mandoaka, maninteraka, managorobaka.

PÉRICARDE, *sm.* Sarom-po.

PÉRICARPE, *sm.* Hoditry ny voan-jajavatra.

PÉRICLITER, *vn.* Atahorana, mila hahita loza, efa ho simba, —ho rava. Rien ne périclite Tsy misy na inona na inona *atahorana.* L'État périclite. *Mila hahita loza, efa ho simba, — ho rava* ny fanjakana.

PÉRIGÉE, *sm.* Fara fifanakekezan' ny planeta amy ny tany.

PÉRIL, *sm.* Zavatra mahatahotra, — atahorana, —mampahita loza. —mampidi-doza, loza. Comme DANGER.

PÉRILLEUSEMENT, *adv.* Mahatahotra, mampahita loza, mamohehatra.

PÉRILLEUX, EUSE, *adj.* Mahatahotra, mampatahotra, atahorana, mampahita loza, mampidi-doza, mamohehatra. Voy. DANGEREUX.

PÉRIMER, *vn.* Tsy azo atao intsony.

PÉRIODE, *sf.* 1° Fitsingerenana. La— solaire est de trois cent soixante cinq jours. Maharitra dimy amby enim-polo sy telon-jato andro ny *fitsingerenan'* ny masoandro. 2°—, Andro fiverenana, andro, fizarana. C'est une fièvre qui a ses périodes. Misy *fiverenany* izany tazo izany. La—d'accroissement. Ny *andro* fitomboan' ny aretina. La—de déclin. Ny *andro* fihenán' ny aretina. L'histoire se divise en plusieurs périodes. Misy *fizarana* maro amy ny tantara. 3° —, Fehezan-teny lava misampantsampana.

—, *sm.* 1° Fanaperana anarana, fiamboniana, fara fahalavorariana. Il est au plus haut—de la gloire. Efa mby amy ny *fanaperana anarana,* amy ny voninahitra *ambony* indrindra izy. L'éloquence fut alors portée à son plus haut—. Tamin' izay ny fahaizana mandaba-teny, dia efa tonga tamy ny *fara fahalavorariana.* 2°—, Andro, taona. Il est au dernier—de sa vie. Efa mby amy ny *andro* faran' ny andro iainany izy. Il a beaucoup souffert dans le dernier — de sa vie. Nijaly mafy izy tamy ny *taona* faran' ny andro niainany.

PÉRIODICITÉ, *sf.* 1° Fitsingerenana, fiverenana. 2°—, Fisehoana isan-kerinandro na isam-bolana.

PÉRIODIQUE, *adj.* 1° Mitsingerina, miverina. Fièvre—. Tazo *miverimberina.* Le mouvement des planètes est—. *Mitsingeringerina* ny fandehan' ny planeta. 2°—, Miseho isan-kerinandro na isam-bolana. Écrit—. Boky kely *miseho isan-kerinandro na isam-bolana.*

PÉRIODIQUEMENT, *adv.* Mitsingerina, etc. Comme PÉRIODIQUE.

PÉRIPÉTIE, *sf.* Fiovan-toetra tampoka.

PÉRIPHRASE, *sf.* Teny miolaka, teny misarontsarona.

PÉRIPHRASER, *va.* Manolakolaka teny, manarontsarona teny.

PÉRIR, *vn.* 1° Levona, maty. Tout périra. Ho *levona* ny zavatra rehetra. Que d'empires ont péri ! Fanjakana firy izay no efa *levona* ! La flotte entière a péri. *Levona* avokoa ny sambo rehetra. Il périt sur un champ de bataille. *Maty* tany an' ady izy. 2° *fig.* Maty. —d'ennui. *Matin'* ny fahadisadisana.

PÉRISSABLE, *adj.* Mety ho levona. Tout ici-bas est—. *Mety ho levona* ny zavatra rehetra ety an-tany.

PÉRISTYLE, *sm.* Tongo-davarangana manodidina tokotany na trano.

PERLE, *sf.* 1° Vakana, voahangy, moraporitra, voavola. — en corail rouge. *Voahangy.* Un collier de perles. Fehivozona *vakana*, etc. 2° *fig.* C'est la — des femmes. Tena *voahangy* tsy arahinkatina izany vehivavy izany.

PERLÉ, ÉE, *adj.* 1° Misy vakana, misy voahangy. Couronne perlée. Satro-boninahitra *misy vakana*, etc. 2° *fig.* Kanto. Broderie perlée. Ambordao *kanto.*

PERLER, *vn.* Mivoaka. La sueur lui perlait au front. *Nivoa*-dinitra ny handriny.

PERMANENCE, *sf.* Faharetana.

En permanence, *loc. adv.* Amim-paharetana. Je suis resté là en — à vous attendre. *Naharitra* niandry anao tao aho.

PERMANENT, ENTE, *adj.* Maharitra. Il n'y a que Dieu de —. Andriamanitra irery no *maharitra.*

PERMÉABILITÉ, *sm.* Ny fetezana tanteraka.

PERMÉABLE, *adj.* Mety tanteraka. Le verre est — à la lumière. *Mety tantera*-pahazavana ny litaratra.

PERMETTRE, *va.* Manome lálana, mamela, tsy misakana. Le médecin lui a permis l'usage de la viande. Ny dokotera *nanome lálana, namela* azy hihinan-kena. Dieu a permis qu'il soit tombé dans la misère. *Navelan'* Andriamanitra ho tonga *mahantra* izy. Il faut — ce qu'on ne peut empêcher. Tsy maintsy *havela* izay tsy azo sakanana. Dieu permet le mal. *Avelan'* Andriamanitra hanao ratsy ny olona, *tsy sakanan'* Andriamanitra ny ratsy. Ma santé ne m'a pas permis de sortir. Tsy *navelan'* ny aretina hivoaka aho.

Se permettre, *vpr.* Manaram-po loatra. Il se permet beaucoup de choses. *Manaram-po loatra* amy ny zavatra maro izy.

PERMIS, ISE, *p.* et *adj.* Nomena lálana, navela, tsy nosakanana, mety, azo atao. Il n'est pas — de se venger soi-même. *Tsy mety,* tsy *azo atao* ny mamaly ratsy.

—, *sm.* Taratasy fanomezan-dálana.

PERMISSION, *sf.* Lálana, famelana. J'ai obtenu la —. *Nahazo lálana* aho. Demander —. Mangata-*dálana*, miera. Sortir sans —. Mivoaka tsy mahazo *lálana*, mangala-dia. Cela est arrivé par la — de Dieu. *Navelan'* Andriamanitra ho tonga izany.

PERMUTANT, *sm.* Mpifanakalo raharaha.

PERMUTATION, *sf.* 1° Fifanakalozan-draharaha. 2° —, Fifamadihan-toerana, fiovan-drenisoratra.

PERMUTER, *va.* 1° Manakalo, mifanakalo. 2° —, Mampifamadi-toerana, manova renisoratra.

Se permuter, *vpr.* Miova.

PERNICIEUX, EUSE, *adj.* Manimba, mahasimba, mandoza. Cela est — à la santé. *Manimba, mahasimba* ny hasalamana izany. Conseil —. Hevitra *manimba,* etc. Fièvre pernicieuse. Tazo *mandoza.*

PÉRONÉ, *sm.* Ilay taolan-dranjo kely ivelany.

PÉRORAISON, *sf.* Famaranan-teny amy ny laba-teny.

PÉRORER, *vn.* Be taria, milaza antsanga tsy aman'orana. Voy. DISCOURIR.

PERPENDICULAIRE, *adj.* 1° Misy zoro sokera. Tirez une ligne — à celle-ci. Manaova tsipika *misy zoro sokera* amin'ity. 2° —, Mijoro, mijaridina, mijadona, mijidina. Être dans une position —. *Mijoro,* etc.

PERPENDICULAIREMENT, *adv.* 1° Misy zoro sokera. 2° —, Mijoro, etc.

PERPÉTUATION, *sf.* Fampaharetana, faharetana.

PERPÉTUEL, ELLE, *adj.* 1° Maharitra mandrakizay, — lalandava, lalandava. Mouvement —. Fihetsiketsehana *maharitra mandrakizay.* Printemps —. Lohataona *maharitra lalandava, lalandava.* 2° —, Ambara-pahafaty. Il a été condamné aux galères perpétuelles. Nohelohina ho gadralava *ambara-pahafatiny* izy.

PERPÉTUELLEMENT, *adv.* Mandrakizay, lalandava. Les saints seront — heureux. Ho sambatra *mandrakizay* ny olo-masina. Se quereller —. Mifanditra *lalandava.*

PERPÉTUER, *va.* Mampaharitra mandrakizay, — lalandava.

Se perpétuer, *vpr.* Maharitra mandrakizay, — lalandava.

PERPÉTUITÉ, *sf.* Faharetana mandrakizay, — lalandava.

À perpétuité, *loc. adv.* 1° Mandrakizay, lalandava 2° —, Ambara-pahafaty.

PERPLEXE, *adj.* 1° Be ahiahy, sangasehana, very hevitra, miroahana. Il a l'esprit —. *Be ahiahy,* etc., izy. 2° —,

Mahabe ahiahy, mahasanganehana, mahavery hevitra, mampiroahana. Situation —. Toetra *mahabe ahiahy,* ~~etc.~~

PERPLEXITÉ, *sf.* Ahiahy, hasanganehana, haverezan-tsaina, firoahana.

PERQUISITION, *sf.* Fikatsahana, fikarohana, fisavana. On fit des perquisitions pour trouver les coupables. *Nokatsahina, nokarohina, nosavana* izay nanao izany.

PERRON, *sm.* Tohatra alatrano, ambaratonga eny an-tokotany.

PERROQUET, *sm.* 1° Boloky. 2° —, Lain-tsambo amy ny farany ambony. 3° *fig.* Parler comme un —. Miteny anjamba.

PERRUCHE, *sf.* 1° Sarivazo. 2°—, Bolokivavy.

PERRUQUE, *sf.* Solovolo.

PERRUQUIER, *sm.* Mpanao solovolo, mpanety volo, mpanaratra.

PERSÉCUTANT, ANTE, *adj.* 1° Manenjika. 2° *fig.* Manahirana, mankarenina.

PERSÉCUTER, *va.* 1° Manenjika. Les empereurs romains ont persécuté les chrétiens. *Nanenjika* ny kristiana ny emperora romana. Ses créanciers le persécutent. *Enjehin'* ny tompon-trosa izy. 2° *fig.* Manahirana, mankarenina. Sa femme le persécute. *Manahirana,* etc., azy ny vavy.

PERSÉCUTEUR, TRICE, *s.* 1° Mpanenjika. 2°—, Mpanahirana, mpankarenina.

PERSÉCUTION, *sf.* 1° Fanenjehana. 2° *fig.* Fanahiranana.

PERSÉVÉRANCE, *sf.* Faharetana.

PERSÉVÉRANT, ANTE, *adj.* Maharitra. Mal —. Aretina *maharitra.*

PERSÉVÉRER, *vn.* Maharitra, mikiry. Celui qui persévèrera jusqu'à la fin sera sauvé. Izay *haharitra* hatramy ny farany no ho voavonjy. Il persévère dans ses erreurs. *Mikiry* amy ny hadisoankeviny izy.

PERSIENNE, *sf.* Varavaran-kely makarakara.

PERSIFLAGE, *sm.* Fanarabiana, fikizahana, vosotra dia zary tenany, fanesoana.

PERSIFLER, *va.* Manaraby, mikizaka, manao vosotra dia zary tenany, maneso.

PERSIFLEUR, *sm.* Mpanaraby, mpikizaka, mpanao vosotra dia zary tenany, mpaneso.

PERSIL, *sm.* Persily.

PERSISTANCE, *sf.* Faharetana.

PERSISTANT, ANTE, *adj.* Maharitra.

PERSISTER, *vn.* Maharitra, mikiry. Il persiste dans sa résolution. *Maharitra* amy ny fikasany izy. Il persiste dans le vice. *Mikiry* amy ny faharatsiana izy.

PERSONNAGE, *sm.* 1° Olona. Il se croit un grand —. Mihambo ho *olona* ambony izy. Voilà un impudent—. Indro *olona* sahy loatra. 2° *fig.* Toetra. Il joue un étrange — dans cette affaire. Manao *toetra* hafahafa amin' izany raharaha izany izy.

PERSONNALISER, *vn.* Manondro vantana olona.

—, *va.* Mampiseho zavatra ho toy ny olona, mampiteny zavatra.

PERSONNALITÉ, *sf.* 1° Ny mahaizy ny olona tsirairay, ny toetr'olona tsirairay, tavan' olona. Un juge doit dépouiller toute —. Ny mpitsara tsy tokony hijery ny *toetr' olona tsirairay, tavan' olona.* 2°—, Fanondroana vantana. Toute — est offensante. Mahatezitra ny *fanondroana vantana.*

PERSONNE, *sf.* 1° Olona. C'est une — de mérite. *Olona* mendrika izy. Les trois personnes divines. Ny *olona* telo amy ny Trinite Masina. 2°—, Tena, azy, ny. J'ai répondu de sa —. Niantoka ny *tenany, azy* aho. J'y étais en —. Tao ny *tenako.* Il est content de sa —. Faly amy ny *tenany* izy. Le roi l'a attaché à sa —. Notanan' ny mpanjaka tsy hisaraka *aminy* izy. ‖ *loc.* Acception de personnes. Fizahan-tavan' olona. Payer de sa —. Milofo, manao tokoa.

PERSONNE, *pron. ind.* Olona, na iza na iza. Je n'ai vu—. Tsy nahita *olona,* etc., aho. — osera-t-il me contredire? Moa misy *olona* sahy hanohitra ahy?

PERSONNEL, ELLE, *adj.* 1° Any ny olona tsirairay, any ny tenany, any ny isan' olona, any ny tenany irery, ho an'olona irery. Dignité personnelle. Fahamendrehan' ny *olona tsirairay, ny tena.* Contribution personnelle. Vola aloan' ny *olona tsirairay,* ny *isan' olona.* Il vengea cette injure personnelle. Namaly izany fanesoana natao tamy *ny tenany* izany izy. Les fautes sont personnelles. *Any ny tenany irery* ny fahotana. Carte —. Karatra ho *any ny*

tena irery, ho an'olona irery. 2°—, Misolo naona. Pronom —. Pronaona *misolo naona.*

—, *sm.* Mpanao raharaha. Le — et le matériel. Ny *mpanao raharaha* sy ny fanaka.

PERSONNELLEMENT, *adv.* Amy ny tenany. Il est—responsable. Andraikitry *ny tenany* izany.

PERSONNIFICATION, *sf.* Fampiseboan-javatra ho toy ny olona, fampitenenan-javatra.

PERSONNIFIER, *va.* Mampiseho zavatra ho toy ny olona, mampiteny zavatra. On personnifie le temps sous la figure d'un vieillard. Ny andro lasa no *aseho ho toy* ny lahiantitra.

PERSPECTIVE, *sf.* 1° Fanaovan-tsary araka ny fifanalavirana. Il enseigne la —. Mampianatra *ny fanaovan-tsary araka ny fifanalavirana* izy. 2°—, Fahitan-javatra lavitra. Une riante—. *Fahitan-javatra lavitra* mahafinaritra. 3° *fig.* Fanantenana, fahatahoranà. Il a la — d'une grande fortune. *Manantena* harena be izy. Il a une fâcheuse — devant les yeux. *Matahotra* loza izy.

En perspective, *loc. adv.* Manantena, matahotra.

PERSPICACE, *adj.* Mahira-tsaina.

PERSPICACITÉ, *sf.* Fahiratan-tsaina. Voy. PÉNÉTRATION.

PERSUADÉ, ÉE, *p.* et *adj.* Voataona, notaomina, voatarika, notarihina, mino mafy, manao. Il est — des vérités de sa religion. *Mino mafy* ny ampianarina ao amy ny fivavahany izy. Je suis—que vous le trouverez bon. *Ataoko* fa hankatoavinao izany.

PERSUADER, *va.* Mitaona, mitarika, mampino. Rien ne persuade plus efficacement que l'exemple. Tsy misy *mahataona, mahatarika* mafimafy kokoa noho ny oha-pitondran-tena tsara. Je l'ai persuadé de cette vérité. Izaho no *nampino* azy izany zavatra marina izany.

Se persuader, *vpr.* Manao. Il se persuade qu'on l'admire. *Ataony* fa igagan'ny olona izy.

PERSUASIF, IVE, *adj.* Mahataona, mahatarika, mampino.

PERSUASION, *sf.* Fitaomana, fitarihana, fampinoana, finoana mafy, fanaovana. Il a le don de la —. Mahay *mitaona, mitarika, mampino* izy. J'en ai la persuasion. *Inoako mafy* fa marina izany, *ataoko* fa marina izany.

PERTE, *sf.* 1° Fahaverezena, fanariana, fandaniana, famoizana, tsy fananana, fahafatesana, manjó, faharesena, fatiantoka, fahafahana. J'ai à regretter la — de mon ami. Malahelo amy ny *nahafatesan'* ny sakaizako aho. Je prends part à la — que vous avez faite. Miombona alahelo aminao aho noho ny *manjó* anao. Les ennemis furent repoussés avec —. Vaky nandositra ny fahavalo ka *nahafatesana* maro hiany. Le gain compense la —. Ny tombom-barotra manonitra ny *fatiantoka.* 2°—, Fanariana foana, fandaniana foana, fahaverezana foana. Je regrette la — de ma journée. Malahelo aho fa *lany* andro *foana* androany, *very foana* ny androko androany. 3° *fig.* Fanimbana, fahaverezana, loza, fahafaham-baráka. Les mauvais conseils l'ont entraîné à sa —. Ny torohevi-dratsy no *nanimba, nahavery* azy. Il court à sa —. Manehadoza izy. La — de sa réputation est venue de sa mauvaise conduite. *Afa-baráka* izy noho ny fitondran-tena ratsy nataony. Voy. PERDRE.

À perte, *loc. adv.* Maty antoka. Je vends à —. Mivarotra *maty antoka* aho.

À perte de vue, *loc. adv.* Mahavalalánina. Une allée à — de vue. Araben-dálana *mahavalalánina.*

En pure perte, *loc. adv.* Foana, vanja may tsy harena, goavin' Ilaihavana. Ce que vous faites est en pure —. *Foana,* etc., izay ataonao. Vous vous tourmentez en pure —. Miahiahy *foana* hianao.

PERTINEMMENT, *adv.* Amim-pahalalana, amim-pahaizana. Il en parle—. Milaza izany *amim-pahalalana* izy.

PERTUIS, *sm.* Loaka, vavahady andehanan' ny sambo amy ny lakan-drano, andilan-dranomasina.

PERTURBATEUR, TRICE, *s.* et *adj.* Mpampitabataba, mpampikorontana.

PERTURBATION, *sf.* Fitabataba, tabataba, fikorontanana.

PERVERS, ERSE, *adj.* Ratsy fanahy, ratsy. Homme —. Olona *ratsy fanahy.* Doctrine perverse. Fampianarana *ratsy.*

—, *sm.* Ratsy fanahy.

PERVERSION, *sf.* Fiharatsiana.

PERVERSITÉ, *sf.* Faharatsiana, haratsiana.

PERVERTI, IE, *adj.* Niharatsy.

PERVERTIR, *va.* 1° Manimba. Le luxe a perverti bien des femmes. Ny fitiavan-kaingo *nanimba* vehivavy maro. 2° *fig.* Manova. — le sens d'un texte. *Manova* ny hevitry ny teny sasany.

Se pervertir, *vpr.* Miharatsy, mihasimba.

PERVERTISSEMENT, *sm.* 1° Fanimbana. 2°—, Fiharatsiana, fahasimbana.

PESAGE, *sm.* Fandanjana.

PESAMMENT, *adv.* 1° Mavesatra. Il est vêtu —. Mitondra fitafiana *mavesatra* izy. 2°—, Mihoninkonina, tsy kinga. Marcher —. *Mihoninkonim*-pamindra. 3° *fig.* Tsy misonenóka. Il parle —. *Tsy misononóka* ny fiteniny.

PESANT, ANTE, *adj.* 1° Mavesatra, mazefatra, mafonja, maonjana. Comme Lourd. 2°—, Mihoninkonina, tsy kinga, mavesabesatra, manelonelo. Il marche à pas pesants. *Mihoninkonim*-pamindra izy. Il a la main pesante. *Tsy kinga* tánana izy. J'ai la tête pesante. *Mavesabesatra, manelonelo* ny andohako. 3° *fig.* Donto, dombo, mavesatra, tsy misononóka, manahirana, mahavaky tratra. Il a l'esprit—. *Donto, dombo, mavesatsaina* izy. Il a le style—. *Tsy misononóka* ny laha-teniny. Une couronne est pesante à porter. *Mavesatra, manahirana* ny mitondra fanjakana.

—, *sm.* 1° Lanja. 2° *fig.* Cet homme vaut son — d'or. Lavorary io lehilahy io.

PESANTEUR, *sf.* 1° Havesarana, havesatra, fifanintonana. La—de l'or. Ny *havesarana*, ny *havesatry* ny volamena. —universelle. *Fifanintonan'* ny planeta rehetra. 2°—, Fihoninkonina, tsy hakingana, hamafy, havesabesarana, lanelonelo. La—du coup le jeta par terre. Voadona *mafy* izy ka nianjera. Il a une grande—d'estomac. *Mavesabesatra* be hiany ny ambavafóny. 3° *fig.* Hadontoana, havesaran-tsaina, tsy fisononohana.

PESÉE, *sf.* 1° Fandanjana. 2°—, Indray mandanja.

PÈSE-LAIT, *sm.* Fitsapan-dronono.

PESE-LIQUEUR, *sm.* Fitsapana lalikera.

PESER, *va.* 1° Mandanja. —du pain. *Mandanja* mofo. 2° *fig.* Mandanja, mandinika. —les conséquences d'une affaire. *Mandanja,* etc., izay hiafaran' ny raharaha anankiray. —ses paroles. *Mandanja* ny teniny.

—, *vn.* 1° Mavesatra, lanja. L'or pèse plus que l'argent. Ny volamena *mavesatra* kokoa noho ny volafotsy. Le paquet pèse vingt kilos. Efa-polo livatra ny *lanjan'* ny entana. 2°—, Mavesabesatra. Cette viande pèse sur l'estomac. *Mampahavesabesatra* ny ambavafó izany hena izany. 3°—, Manindry. —sur un levier. *Manindry* fanoitra. 4° *fig.* Maharitra. Il pèse trop sur cette circonstance. *Maharitra* loatra amin' izany zavatra izany izy. 5°—, Mampalahelo, manahirana, mahavaky tratra. Cela me pèse sur le cœur. *Mampalahelo* ny foko izany. Cette personne lui pèse sur les bras. *Manahirana, mahavaky tratra* azy io olona io.

Se peser, *vpr.* Lanjaina.

PESEUR, *sm.* Mpandanja.

PESSIMISME, *sm.* Fanaovana ny zavatra rehetra ho ratsy.

PESSIMISTE, *sm.* Mpanao ny zavatra rehetra ho ratsy.

PESTE, *sf.* 1° Areti-mifindra tsy mampandry fangady. 2° *fig.* Zavatra mampidi-doza, olona mpanimba. La discorde est la—d'un État. Ny tsy fifanarahana no *mampidi-doza* ny fanjakana. Cet homme est une—publique. *Mpanimba* ny vahoaka io lehilahy io.

—, *int.* Endrey! — ! que cela est beau. *Endrey!* mahafinaritra loatra izany.

—, *impréc.* Fadia fohara. — de l'étourdi! Ilay maivan-doha, *fadia fohara* ity!

PESTER, *vn.* Miafonafona, misafoaka.

PESTIFÉRÉ, ÉE, *adj.* et *s.* Tratry ny *peste.*

PESTILENCE, *sf.* Être assis dans la chaire de—. Mampianatra fivavahandiso.

PESTILENTIEL, ELLE, *adj.* Mahatonga *peste.* Miasmes pestilentiels. Fofona *mahatonga peste.*

PET, *sm.* Hetotra.

PÉTALE, *sm.* Ravim-bony.

PÉTARADE, *sf.* Fangetotra, fitritritra, fitsefotra. Le cheval fit une—. *Nangetotra, nitritritra* ny soavaly.

PÉTARD, *sm.* Tsipoapoaka.

PÉTASE, *sm.* Satroky ny ntaolo.

PÉTAUD, *sm.* La cour du roi—. Fanjakany Baroa, fanjakana raban-tsabona.

PÉTAUDIÈRE, *sf.* Raban-tsabona.

PÉTER, *vn.* 1° Mivalan-drivotra (mot convenable), mangetotra, migioka, mi-

tritritra, mitsefotra. 2° *fig.* Mipoaka, mitefoka, mitresaka. Le bambou pète dans le feu. *Mipoaka, mitefotefoka* ao anaty afo ny volotsangana. Son fusil péta dans la main. *Nitresaka* teo an-tánany ny basy.

PÊTEUR, EUSE, *s.* Fangetorina.

PÉTILLANT, ANTE, *adj.* 1° Mipoapoaka, mirefodrefotra, mipitripitrika, mitsotsotsotso. 2°—, Manjelajelatra.

PÉTILLEMENT, *sm.* 1° Fipoapoaka, firefodrefotra, fipitripitrika, fitsotsotsotso. 2°—, Fanjelajelatra.

PÉTILLER, *vn.* 1° Mipoapoaka, mirefodrefotra, mipitripitrika, mitsotsotsotso. Le sel pétille dans le feu. *Mipoapoaka, mirefodrefotra* ao anaty afo ny sira. La graisse pétille dans la poêle. *Mipitripitrika* ao anaty lapoaly ny menaka. La bière pétille. *Mitsotsotsotso* ny labiera. 2°—, Manjelatra. Ses yeux pétillent. *Manjelajelatra* ny masony. 3° *fig.* Il pétille d'esprit. Haingan-tsaina izy. Il pétille de joie. Mariadriaka izy.

PÉTIOLE, *sm.* Tahon-dravina.

PÉTIOLÉ, ÉE, *adj.* Misy tahony.

PETIT, ITE, *adj.* 1° Kely, madinika, fohy, keliray, kelireny, keliantitra, vitsy. Faites un — paquet. Ataovy anentana *kely, madinika.* C'est un homme de petite taille. Lehilahy *madinika, fohy, keliray, keliantitra* izy. Une petite femme. Vehivavy *madinidinika, fohifohy, kelireny.* Il est venu un — nombre de personnes. *Kely, vitsy* ny isan' ny olona tonga. Le — nombre le suivit. Ny *ankavitsiany* nanaraka azy. Les petites dépenses. Ny lany *kely madinidinika.* 2° *fig.* Kely, madinika, manetry tena, tsy mendrika. Le — peuple. Ny *kely,* ny *madinika.* La petite guerre. Ny ady *madinika,* sarin' ady. C'est un — esprit. Miahy loatra ny zavatra *madinika* izy. Il se fait — devant lui. *Manetry tena* eo anatrehany izy. Ce que vous avez fait est —. *Tsy mendrika* izany nataonao izany.

—, *s.* Kely. Viens, mon—. Avia, ry ilay *kely.*

PETIT, *sm.* 1° Zana-biby. Les petits de la lionne. Ny *zana*-diona. 2°—, *pl.* Ny kely, ny madinika.

En petit, *loc. adv.* Madinika. Modèle en —. Fakan-tahaka *madinika.*

Petit à petit, *loc. adv.* Tsikelikely, miandalandalana.

PETITE-MAÎTRESSE, *sf.* Kasivavy, vehivavy mpiboobo.

PETITEMENT, *adv.* 1° Kely, madinika. 2°—, Amim-pahihirana. Il nous a traités —. Nandray anay *tamim-pahihirana* izy. 3° *fig.* Tsy mendrika. Il a agi —. *Tsy mendrika* ny nataony.

PETITES-MAISONS, *sf. pl.* Trano fanangonana ny adala.

PETITESSE, *sf.* 1° Hakely, hakelezana, fahakelezana, hadinika, hadinihana. La — du jardin. Ny *hakely, hakelezana, fahakelezan'* ny zarday. 2° *fig.* Hakelezana, fahambaniana, tsy fahamendrehana, zavatra tsy mendrika. L'homme en considérant sa —, doit s'humilier devant Dieu. Raha mandinika ny *hakelezany,* ny *fahambaniany* ny olona, tsy maintsy hanetry tena eo anatrehan' Andriamanitra. Il fait des petitesses. Manao zavatra *tsy mendrika* izy.

PETITE-VÉROLE, *sf.* Nendra. — maligne ou confluente. *Nendra* mainty. — bénigne. *Nendra* fotsy. — volante. *Nendram*-boalavo.

PETIT-FILS, PETITE-FILLE, *s.* Zafy.

PÉTITION, *sf.* Fangatahana an-tsoratra atao amy ny manam-pahefana.

PÉTITIONNAIRE, *s.* Mpanao fangatahana an-tsoratra.

PÉTITIONNEMENT, *sm.* Fanaovana fangatahana an-tsoratra.

PÉTITIONNER, *va.* Manao fangatahana an-tsoratra.

PETIT-LAIT, *sm.* Ranombatsin-dronono.

PETIT-MAÎTRE, *sm.* Kevo-duby, kasilahy, mpiboobo, mpirehaka.

PETIT-NEVEU, PETITE-NIÈCE, *s.* Zafin-drahalahy, —drahavavy, —anabavy, —anadahy.

PÉTRI, IE, *p.* et *adj.* 1° Voapotsipotsika, nopotsipotsehina, voadity, noditina. 2° *fig.* Il est—d'orgueil. Feno flavonavonana izy. Il se croit—d'un autre limon que le reste des hommes. Manao ny tenany tsy hitovy amin' olona izy.

PÉTRIFIANT, ANTE, *adj.* Mampanjary ho vato. Fontaine pétrifiante. Loharano *mampanjary ho vato.*

PÉTRIFICATION, *sf.* 1° Fanjariana ho vato. 2°—, Zavatra nanjary vato.

PÉTRIFIER, *va.* 1° Mampanjary ho vato. 2° *fig.* Mahankona, mahasina. Cette nouvelle m'a pétrifié. *Nahankona, nahasina* ahy izany zava-baovao izany.

Se pétrifier, *vpr.* Manjary ho vato.

PÉTRIN, *sm.* 1° Vata fanditiana lafarina. 2° *fig.* Être dans le —. Sahirana mafy.

PÉTRIR, *va.* 1° Mamotsipotsika, mandity. — du pain. *Mamotsipotsika*, etc., lafarina. —de l'argile. *Mandity* tanimanga. 2° *fig.* Manao, mamorona. Dieu nous a tous pétris du même limon. *Natao, noforonin'* Andriamanitra tamy ny vovo-tany iray hiany isika rehetra.

PÉTRISSAGE, *sm.* Famotsipotsehana, fanditiana.

PÉTRISSEUR, *sm.* Mpamotsipotsika lafarina.

PÉTROLE, *sm.* Soli-tany.

PÉTROLEUR, EUSE, *s.* Mpandoro trano amy ny soli-tany.

PÉTULANCE, *sf.* Fihindrahindra, fipelipelika.

PÉTULANT, ANTE, *adj.* Tsy mahatombin-tsirana, mihindrahindra, mipelipelika.

PEU, *adv.* Kely, kely foana. tsinontsinona, vitsy, tsy firy, tsy...loatra. Il a — de bien. *Kely* ny harony. Il mange—. Homana *kely foana* izy. — s'en est fallu qu'il ne tombât. *Kely foana* no tsy nahalavoany. C'est—de chose. Zavatra *tsinontsinona* izany. Je vous dirai en—de mots. Holazaiko anareo amy ny teny *vitsivitsy*. — de monde a su son arrivée. *Vitsy, tsy firy* ny olona nahare ny nahatongavany. — éloigné. *Tsy* lavitra *loatra*.

—, *sm.* Zavatra kely, kely, zavatra vitsivitsy. Il se contente de—. *Zavatra kely* dia mahampy azy. Le — que j'ai dit. Ny *kely*, ny *zavatra vitsivitsy* voalazako. Attendez un —. Andraso *kely*. Donnez-moi un — de pain. Omeo mofo *kely* aho. Il a un — de fièvre. Manavinavy *kely* izy.

Peu à peu, *loc. adv.* Tsikelikely, miandalandalana.

Sous peu, *loc. adv.* Raha afaka kelikely, vetivety foana, haingankaingana.

Depuis peu, *loc. adv.* Vao haingana.

Tant soit peu, *loc. adv.* Kely foana.

Pour peu que, *loc. conj.* Raha kely foana. Il le fera pour — que vous lui parliez. Hataony izany *raha* vao ilazanao *kely foana* izy.

PEUPLADE, *sf.* Firenena. Des peuplades errantes. *Firenena* mirenirény.

PEUPLE, *sm.* 1° Firenena, vahoaka. Les peuples chrétiens. Ny *firenena* kristiana. Le — Juif est dispersé par toute la terre. Miely eran' ny tany rehetra ny *firenena* Jody. C' est un — qui chérit son roi. Tia ny mpanjakany izany *vahoaka* izany. Le ministre eut contre lui les grands et le —. Ny manambonínahitra sy ny *vahoaka* niara-nanohitra ny ministra. 2°—, Ankapobem-bahoaka, valalabemandry, bozaka aman' ahitra. C'est un homme du —. Isan'ny *ankapobem-bahoaka*, etc., izy. 3° *fig.* Hamaroana, babetsahana. Il est entouré d'un — de flatteurs. Hodidinin' ny mpandóka *maro, betsaka* izy.

PEUPLER, *va.* 1° Mametraka mponina, — biby. — une île. *Mametraka mponina* amy ny nosy. — un étang. *Mametraka hazandrano* amy ny dobo. 2° —, Mahabe mponina na biby. Les premiers hommes qui ont peuplé l'Amérique. Ireo olona voalohany izay *nahabe ny mponina* tany Amerika. 3° *fig.* Mameno. Les souvenirs peuplent ma solitude. *Feno* fahatsiarovan-javatra ny tany mangingina itoerako.

—, *vn.* Mitombo, mihamaro. Les lapins peuplent beaucoup. *Mitombo*, etc., be ny bitro.

Se peupler, *vpr.* Mihabe mponina, — biby.

PEUPLIER, *sm.* Anaran-kazo.

PEUR, *sf.* Tahotra, fahatahorana. Il n'a — de rien. Tsy *matahotra* na inona na inona izy. Faire — à quelqu' un. *Mampitahotra* olona.

De peur que, *loc. conj.* Andrao, fandrao, sao.

De peur de, *loc. prép.* Andrao, fandrao, sao.

PEUREUX, EUSE, *adj.* et *s.* Saro-tahotra.

PEUT-ÊTRE, *adv.* Angamba, angaha. Je viendrai—. Ho avy *angamba*, etc., aho.

PHALANGE, *sf.* 1° Antoko-miaramilan'ny ntaolo. 2°—, Vanin-taolana amy ny rantsan-tánana.

PHALÈNE, *sf.* Lolon'ny maty, lolompaty.

PHARE, *sm.* Tilikambo avo misy fanala eny amoron-dranomasina mba hanoro lálana ny sambo.

PHARISAÏQUE, *adj.* Manahaka ny Farisiana.

PHARISAÏSME, *sm.* 1° Toetry ny Farisiana. 2° *fig.* Fihambohamboana, fihatsarambelatsihy.

PHARISIEN, *sm.* 1° Farisiana. 2° *fig.* Mpihambohambo, mpihatsaravelatsihy.

PHARMACEUTIQUE, *sf.* Fahaizana momba ny fanafody.

—, *adj.* Momba ny fanafody.

PHARMACIE, *sf.* 1° Fahaizana manao fanafody. 2°—, Tranom-panafody.

PHARMACIEN, *sm.* Mpamorona sy mpivarotra fanafody.

PHARYNX, *sm.* Vava lálan-kanina.

PHASE, *sf.* 1° Fiovaovana. Les phases de la lune. Ny *fiovaovan'* ny volana. 2° *fig.* Fiovaovana. Les phases d'une maladie. Ny *fiovaovan'* ny aretina anankiray.

PHÉNIX, *sm.* 1° Anaram-borona amy ny angano. 2° *fig.* Tampon-dohany. Il est le—des orateurs. Izy no *tampondohany* amy ny mpandaha-teny rehetra.

PHÉNOMÉNAL, ALE, *adj.* Mahagaga. Des bœufs phénoménaux. Omby *mahagaga.*

PHÉNOMÈNE, *sm.* 1° Zavatra hita amy ny tenan-javatra, zavatra avy amy ny herin-javatra. Les phénomènes de la pesanteur. Ny *zavatra avy amy ny herin'* ny havesarana. 2°—, Zavatra mahagaga miseho amy ny habakabaka. Les comètes sont des phénomènes. *Zavatra mahagaga miseho amy ny habakabaka* ny kometa. 3° *fig.* Zavatra mahagaga. Un enfant aussi instruit est un —. *Zavatra mahagaga* ny mahita ankizy madinika mahay tahaka izany.

PHILANTHROPE, *sm.* Olona tia ny olona rehetra, olona ta-hanasoa ny olona rehetra.

PHILANTHROPIE, *sf.* Fitiavana ny olona rehetra.

PHILANTHROPIQUE, *adj.* Momba ny fitiavana ny olona rehetra.

PHILHARMONIQUE, *adj.* Société—. Fikambanan'olona tia *musique.*

PHILOLOGIE, *sf.* Fahaizana momba ny fombam-pitenenana.

PHILOLOGIQUE, *adj.* Momba ny fombam-pitenenana

PHILOSOPHALE, *adj.* La pierre —. Vato noheverin' ny sasany ho mahova ny metaly ho volamena ; *fig.* zavatra tsy mety ho hita.

PHILOSOPHE, *sm.* 1° Filozofa. 2°—, Olon-kendry, olona mandefitra.

—, *adj.* Filozofa.

PHILOSOPHER, *vn.* 1° Mandinika filozofý. 2°—, Miady hevitra foana, mampiady hevitra foana.

PHILOSOPHIE, *sf.* 1° Filozofý. 2°—, Fahendrena, fandeferana.

PHILOSOPHIQUE, *adj.* Momba ny filozofý.

PHILOSOPHIQUEMENT, *adv.* 1° Araka ny filozofý. 2°—, Amim-pahendrena, amim-pandeferana.

PHILOSOPHISME, *sm.* Filozofý ratsy.

PHILTRE, *sm.* Ody fitia.

PHLEGMON, *sm.* Kifongo.

PHOSPHORE, *sm.* Fosfora.

PHOSPHORESCENCE, *sf.* Fahazavan-javatra mangirangirana ao anatin' ny maizina.

PHOSPHORESCENT, ENTE, *adj.* Mangirangirana ao anatin' ny maizina. Le ver luisant est —. Ny angamenavava dia *mangirangirana ao anatin' ny maizina.*

PHOSPHORIQUE, *adj.* Momba ny fosfora, misy fosfora.

PHOTOGRAPHE, *sm.* Mpaka sary, mpanao fotografý.

PHOTOGRAPHIE, *sf.* Fotografý.

PHOTOGRAPHIER, *va.* Manao fotografý.

PHOTOGRAPHIQUE, *adj.* Momba ny fotografý.

PHRASE, *sf.* Fehezan-teny.

PHRASÉOLOGIE, *sf.* 1° Fandaharana ny fehezan-teny. 2°—, Laha-teny tsy misy heviny.

PHRASEUR ou **PHRASIER**, *sm.* Mpiangolangola amy ny laha-teny, mpanao laha-teny tsy misy heviny.

PHTISIE, *sf.* Singotraty, fezizy.

PHTISIQUE, *adj.* Mararin' ny singotraty, azon' ny fezizy.

PHYSICIEN, *sm.* Mahay fizika.

PHYSIOLOGIE, *sf.* Fahaizana momba ny fiainan' ny zava-manana aina na ny zava-maniry.

PHYSIOLOGIQUE, *adj.* Momba ny zava-manana aina na ny zava-maniry.

PHYSIOLOGISTE, *sm.* Mpahay ny momba ny fiainan' ny zava-manana aina na ny zava-maniry.

PHYSIONOMIE, *sf.* 1° Tarehy, endrika, tokotanin-tarehy. Il a une belle —. Tsara *tarehy, endrika* izy, tsara ny *tokotanin-tarehiny.* Le bonheur embellit la—. Ny hasambarana mahamiramirana *endrika.* 2° *fig.* Toetra, fomba. Cha-

que peuple a sa —. Samy manana ny *toetrany*, ny *fombany* ny firenena rehetra.

PHYSIONOMISTE, *sm.* Mpahalala toetr' olona araka ny endrika.

PHYSIQUE, *sf.* Fizika, fahaizana momba ny tenan-javatra.

—, *sm.* Tarehy, endrika, bika, toe-batana. Il a un beau —. Tsara *tarehy, endrika, bika* izy. Le — influe sur le moral. Ny *toe-batana* mihatra amy ny toe-panahy.

—, *adj.* Momba ny fizika, hita maso na re. Loi —. Lalána *momba ny fizika*. Le monde —. Ny zavatra *hita maso na re*. J'en ai la certitude morale, mais non la certitude —. Fantatro ao an-tsaiko fa marina izany, na dia *tsy hita na re*.

PHYSIQUEMENT, *adv.* Araka ny fizika, araka izay hita maso na re.

PIAFFER, *vn.* (Soavaly) mitoto tany.

PIAFFEUR, EUSE, *s.* (Soavaly) mpitoto tany.

PIAILLER, *vn.* Mikaikaika, mikonainaina, mirirorirо.

PIAILLERIE, *sf.* Fikaikaika, fikonainaina, firirorirо.

PIAILLEUR, EUSE, *s.* Mpikaikaika, mpikonainaina, mpirirorirо.

PIANISTE, *s* Mpitendry piano.

PIANO, *sm.* Pianó, penó.

PIASTRE, *sf.* Farantsa, ariary. Échanger une —. Manakalo *farantsa*. J'ai gagné dix piastres. Nahazo *ariary* folo aho. ‖ *loc.* Une demie —. Loso. Un quart de —. Kirobo. Un huitième de —. Sikajy. Un tiers de —. Sasanangy. Un sixième de —. Venty. Un vingt-quatrième de —. Voamena. Un soixante-douzième de —. Eranambatry. Un cent quarante-quatrième de piastre. Varidimiventy.

PIAULER, *vn.* 1° (Akoho kely) mikiakiaka. 2° *fig.* Mirirorirо, mikonetaka.

PIC, *sm.* 1° Angady marani-doha, tsolo. 2° —, Tendrombohitra avo be sady mideza.

A pic, *loc. adv.* Mideza. Montagne à —. Tendrombohitra *mideza*.

PICOTANT, ANTE, *adj.* Mandretsidretsika. Boisson picotante. Fisotro *mandretsidretsika*.

PICOTÉ, ÉE, *adj.* Sokitra. —de petite vérole. *Soki*-nendra.

PICOTEMENT, *sm.* Fandretsidretsika, firetsidretsika, famolivoly.

PICOTER, *va.* 1° Mandretsidretsika, mampamolivoly. Des boutons qui picotent la peau. Forofotra *mandretsidretsika*, etc., ny hoditra. 2° —, Manaingoka, mitsaingoka. Les oiseaux picotent les fruits. *Manaingoka*. etc., ny voankazo ny voro-manidina. 3° *fig.* Manao teny manindrona, manorisory.

Se picoter, *vpr.* Mifanindrona amy ny teny, mifanorisory.

PICOTERIE, *sf.* Teny manindrona.

PICOTIN, *sm.* Fatam-barin-tsoavaly, eran' ny fatam-barin-tsoavaly.

PIE, *sf.* 1° Vorona mitovitovy amy ny goaika. 2° *fig.* Bavarder comme une—. Mipentsompentsona.

—, *adj.* Œuvre —. Asa fiantrana.

PIÈCE, *sf.* 1° Vaingana, tapaka, sombina, vaky. Une — de bœuf. *Vaingan*-kena. Une — de bois. *Tapa*-kazo. Un habit fait de pièces. Akanjo natao tamy ny *tapatapa*-damba, *sombintsombin*-damba maro. Mettre une — à un habit. Manampina akanjo amy ny *tapa*-damba, *sombin*-damba. Les pièces d'une montre. Ny *sombiny* rehetra amy ny famantaranandro anankiray. Mettre un verre en pièces. *Mamakivaky* gilasy. Voy. MORCEAU. 2°—, Gora, barika, efitrano, tafondro, farantsa, taratasy, teatra. Une — de drap. *Goran*-dopótra. Une — de vin. *Barikan*-divay. Maison composée de quatre pièces. Trano misy *efitra* efatra. —de siège. *Tafondro* fanaovana fahirano. —d'or *Farantsa* volamena. Pièces justificatives. *Taratasy* manamarina. On joue aujourd'hui une — nouvelle. Hisy *teatra* vaovao anio. ‖ *loc.* —d'eau. Dobo. —de charpente. Sakamandimby, zanakazo, lohatrano. —de gibier. Biby nohazaina. Cette colonne de pierre est tout d'une—. Vato iray hiany io andry io. Ces chevaux coûtent cinq cents francs—. Lafo ariary zato tsirairay avy. mibodidina, mifanitsaka, misesy ireo soavaly ireo. 3° *fig.* Faire — à quelqu'un. Manao kivazivazy ratsy. Emporter la —. Manaraby fatratra.

Pièce à pièce, *loc. adv.* Tsipotipotika, tsikelikely, tsirairay. Il a vendu son mobilier—à—. Namidiny *tsipotipotika*, etc., ny fanany.

PIED, *sm.* 1° Tongotra.— gauche. *Tongotra* havia. Bête à quatre pieds. Biby mandia *tongotra* efatra. Les pieds de devant. Ny *tongo*-tánany, ny tánany. Marcher sur un seul —. Manao *tongo*-dovia. Se tenir sur un seul —. Manao *tongo*-borombe maty vady. Le — d'une

table. Ny *tongo*-databatra. 2°—, Vody. Mettre de la terre au — d'un arbre. Manototra tany ny *vody* hazo. Le — d'un mur. Ny *vody* rindrina. Il sort une source du — de la montagne. Misy loharano mivoaka ao am-*body* tendrombohitra. 3°—, Fototra. Il a fait abattre cent pieds d'arbres. Nampikapa *foto*-kazo zato izy. J'ai cinq pieds de basilic. Manana kiranjay dimy *fototra* aho. Vendre du blé sur—. Mivarotra varim-bazaha am-*potony*. 4°—, Dia. La planche a un— de large. Iray *dia* ny indraben' ny hazo fisaka. || *loc.* Mettre— à terre. Miala amy ny kalesy na amy ny soavaly. Mettre une armée sur—. Mamory tafika. Être sur—. Nifoha, tsy mandry intsony. Il est sur un bon—. Tsara ny toetrany. Lâcher—. Mihemotra, mandositra, mikoy. Perdre—. Tsy mahatratra ny halalinan'ny rano intsony. Il prend—. Itokiana sabady izy. Il a un — dans la fosse. Reraka, marary mafy izy. Mettez cette injure sous vos pieds. Aza asiana raharaha izany fanevatevana izany. Donner du— à une échelle. Mampandripandry tohatra. Au—de la lettre. Araka ny teny.

À pied, *loc. adv.* An-tongotra. Voyager à—. Mandeha *an-tongotra, —tongotra.*

Pied à pied, *loc. adv.* Tsikelikely, miandalandalana. Avancer — à —. Mandroso *tsikelikely,* etc.

De pied ferme, *loc. adv.* Amim-paharetana, amin-kerim-po. Il attendit l'ennemi de— ferme. Niandry ny fahavalo *tamim-paharetana,* etc., izy.

PIED-À-TERRE, *sm.* Trano itoerana indraindray.

PIÉDESTAL, *sm.* Vody andry, fitaingenan-tsariolona.

PIÈGE, *sm.* 1° Fandrika. 2° *fig.* Fandrika, fitaka. Il est tombé dans le—. *Voafandrika, voafitaka* izy. Tendre un—à quelqu'un. *Mamandrika* olona, manao longoa mitoto-bozaka amin' olona.

PIE-MÈRE, *sf.* Hozatra manify fonon' ny ati-doha.

PIERRAILLE, *sf.* Korontam-bato madinika.

PIERRE, *sf.* 1° Vato. Lancer des pierres. Mitora-*bato.* Pierres précieuses. *Vato* soa, *vato* saro-bidy. — infernale. *Vato* fandoroana. — à fusil. A*fovato, vato*falia. — à aiguiser. *Vato*asana. — érigée en l'honneur d'un mort. *Vato* mitsangana, *vato*lahy. — angulaire. *Vato* fehizoro.— fondamentale. *Vato* fototra, *vato* fanorenana; *fig.* fiankinana. La justice est la— fondamentale de la société. Ny fahamarinana no *iankinan*'ny fanjakana. — de touche. *Vato* fitsapam-bolamena; *fig.* izay ahafantarana. Le malheur est la — de touche du véritable attachement. Ao anatin'ny fahoriana no *ahafantarana* ny fifankatiavana marina. — de scandale, — d'achoppement. *Vato* fanafintohinana. 2°—, Karaobato. Chemin plein de pierres. Lálana feno *karaobato.* 3°—, Fiafia, vato.

PIERRERIES, *sf. pl.* Vato soa, vato saro-bidy.

PIERREUX, EUSE, *adj.* Be karaobato. Terrain—. Tany *be karaobato.*

PIERRIER, *sm.* Tafondro madinika.

PIÉTÉ, *sf.* 1° Fitiavam-bavaka. 2°—, Fitiavana ray aman-dreny. Il fut un exemple de — filiale. Oha-pitondran-tena tamy ny *fitiavana ray aman-dreny* izy.

PIÉTINEMENT, *sm.* Fihinjakinjahana, fihinjakinjaka.

PIÉTINER, *vn.* Mihinjakinjaka. Il piétine de dépit. *Mihinjakinjaka* noho ny hasosorany izy.

—, *va.* Mitoto, mihosy, manosy. — le sol. *Mitoto* tany. — de la boue. *Mihosy, manosy* feta.

PIÉTON, *sm.* Mpandeha an-tongotra.

PIÈTRE, *adj.* Ratsy, tsy manjary, tsy mahay. Un — habit. Akanjo *ratsy.* Un — sujet. Olona *tsy manjary.* Un — ouvrier. Mpiasa *tsy mahay.*

PIÈTREMENT, *adv.* Ratsy. Il est logé —. *Ratsy* ny trano itoerany.

PIEU, *sm.* Tsato-kazo, tsatóka, orin-kazo. Enfoncer des pieux. Manorina *tsato-kazo, tsatóka, manorin-kazo.*

PIEUSEMENT, *adv.* 1° Amim-pitiavam-bavaka. S'agenouiller —. Mandohalika *amim-pitiavam bavaka.* 2°—, Noho ny fitiavam-bavaka. Croire — une chose. Mino zavatra anankiray *noho ny fitiavam-bavaka* hiany.

PIEUX, EUSE, *adj.* 1° Tia vavaka. Femme pieuse. Vehivavy *tia vavaka.* 2°—, Vokatry ny fitiavam-bavaka. Dessein —. Fikasana *vokatry ny fitiavambavaka.* C'est une croyance pieuse. Finoana *vokatry ny fitiavam-bavaka* hiany izany. 3°—, Mampiseho fitiavana ray aman-dreny, anaovana asa fiantrana. Legs —. Harena atolotra amy ny farahafatra *hanaovana asa fiantrana.*

PIGEON, *sm.* 1° Voromailala, fony. — bleu. *Fony.* 2° *fig.* Olona mora ambakaina. Il joue mal, c'est un bon — à plumer. Tsy mahay miloka izy, ka *mora ambakaina.*

PIGEONNEAU, *sm.* 1° Zana-boromailala. 2° *fig.* Tovolahy mora ambakaina.

PIGEONNIER, *sm.* Tranom-boromailala.

PIGNON, *sm.* 1° Tapenaka. 2°—, Voan' ny *pin,* tanantanampotsy. — d'Inde. *Tanantanampotsy.*

PILAGE, *sm.* Fitotoana.

PILASTRE, *sm.* Andry vato efa-joro, andry hambo efa-joro.

PILE, *sf.* 1° Zavatra mifanongoa. — de livres. Boky *mifanongoa.* 2°—, Tongotetezana. 3° *fig.* Donner une — à quelqu'un. Manavokavoka, mametsapetsaka olona.

PILER, *va.* Mitoto, manamaivoka, mamotsy, manatsáka. — le riz *Mitoto* vary. — le riz une première fois. *Manamaivoka* vary. — le riz une troisième ou quatrième fois pour le rendre bien blanc. *Mamotsy, manàtsáka* vary.

PILEUR, *sm* Mpitoto.

PILIER, *sm.* 1° Andry. 2° *fig.* Vatofantsika. C'est un — de cabaret. *Vatofantsika* ao amy ny trano fisotroan-divay izy.

PILLAGE, *sm.* Fandrobana, fanosena.

PILLARD, ARDE, *adj.* et *s.* Mpandroba, mpanosy, jirika.

PILLER, *va.* 1° Mandroba, manosy. Les ennemis pillèrent la ville. Ny fahavalo *nandroba, nanosy* ny tanána. 2°—, Mangalatra, homana. Ce gouverneur a pillé le trésor. *Nangalarina, nohanin'* io governora io ny volam-panjakana. 3°—, Maka tahaka. Cet auteur pille partout. *Maka tahaka* hatraiza hatraiza io mpamorom-boky io.

PILLEUR, *sm.* 1° Mpandroba, mpanosy, jirika. 2°—, Mpangalatra. 3°—, Mpaka tahaka.

PILON, *sm.* Fanoto. —de fer. *Fanoto* vy.

PILORI, *sm.* Hazo famatorana ny meloka taloha teo ampahibemaso.

PILOTAGE, *sm.* 1° Fanatsatohana hazo atao fanorenana. 2°—, Fitondran-tsambo, fitarihan-dálana ny sambo hiditra na hivoaka ny seranana.

PILOTE, *sm.* Mpitondra sambo, mpitari-dálana sambo, mpanamory sambo.

PILOTER, *vn.* Manatsatoka hazo atao fanorenana.

—, *va.* 1° Mitondra sambo, mitari-dálana sambo. 2° *fig.* Mitari-dálana. Veuillez nous —. Aza fady, mba *tariho lálana* izahay.

PILOTIN, *sm.* Mpianatra hitondra sambo, — hitari-dálana sambo.

PILOTIS, *sm.* Tsato-kazo atao fanorenana.

PILULE, *sf.* 1° Pilina. 2° *fig.* Avaler la —. Manao tsy fidiny. Dorer la —. Manao safosiaka.

PIMENT, *sm.* Sakay.

PIMPANT, ANTE, *adj.* Miraratra, miramarama.

PIN, *sm.* Hazo misy dity.

PINACLE, *sm.* 1° Tampon-trano. L'esprit tentateur transporta Jésus sur le — du temple. Ny mpaka fanahy nitondra any Jeso tao an-*tampon*'ny tempoly. 2° *fig.* Mettre quelqu'un sur le —. Midera olona izaitsizy.

PINCE, *sf.* 1° Loha kitro, loha kitrovy. 2°—, Tongotr' orana, tongo-poza, etc. 3°—, Famiazana, fangiazana, fangejana. Il a la — forte. *Mamia, mangia, mangeja* mafy izy.

PINCÉ, ÉE, *adj.* Miangolangola, miangesongeso, miangentsangentsana. Il a des manières pincées. *Miangolangola,* etc., toetra izy.

PINCEAU, *sm.* 1° Borosy fanosoran-doko, borosin-doko. 2° *fig.* Hoso-doko, fanosoran-doko, laha-teny. Ce peintre a le — délicat. Kanto ny *hoso-doko* ataon' izany mpanoso-doko izany. Cet auteur a le — brillant. Be renty ny *laha-tenin'* izany mpamorom-boky izany.

PINCÉE, *sf.* Indray mitsingina. Mettez-y deux pincées de sel. Asio sira indroa *mitsingina* eto.

PINCE-MAILLE, *sm.* Kahihitra, mpitomany hena momba famaky.

PINCER, *va.* et *vn.* 1° Mandasitra, manongo. — avec les ongles. *Manongo.* 2°—, Manandra, mamia, mangeja, manery. Pincez bien cette barre de fer avec vos tenailles. *Tandrao* mafy, *fiazo, giazo, gejao* mafy amy ny tandra io anja-by io. La porte m'a pincé les doigts. *Voaterin'* ny varavarana ny rantsan-tánako. 3°—, Mitendry. — de la guitare. *Mitendry* lagitara. 4°—, Mandaingo, mamositra. — les bourgeons d'un arbre. *Mandaingo,* etc., ny tsimo-kazo. 5° *fig.* Misambotra. — un voleur. *Misambotra* mpangalatra. 6°—, Mandevilevy, manin

drona amy ny teny, mamirifiry. Il l'a pincé rudement. *Nandevilevy* azy mafy izy. Le froid commence à —. *Mamirifiry* sahady ny hatsiaka.

Se pincer, *vpr.* 1° Tery. Il s'est pincé à la porte. *Terin*'ny varavarana izy. 2° *fig.* Se faire —. Voasambotra, voa, maty antoka.

PINCE-SANS-RIRE, *sm.* Monge-mahalatsaka.

PINCETTE, *sf.* et **PINCETTES,** *sf. pl.* Tandran' afo, tandra kely, fihavitra.

PINGRE, *sm.* Kahihitra.

PINSON, *sm.* Vorona mitovy amy ny fody.

PINTADE, *sf.* Akanga.

PINTE, *sf.* Tavoahangy roatokony.

PINTER, *vn.* Miboboka divay, migoka divay.

PIOCHE, *sf.* Angady, fangady.

PIOCHER, *va.* Miasa, mihevo, mitrandraka. — profondément. *Mitrandraka.* — la terre. *Miasa,* etc., tany.

—, *vn. fig.* Mikezaka.

PIOCHEUR, *sm.* 1° Mpiasa, mpihevo. 2° *fig.* Mpikezaka.

PION, *sm.* 1° Vaton-damy, tokon-damy. 2° *fig.* Damer le — à quelqu'un. Mandresy olona.

PIONNER, *vn.* Homan-dava amy ny damy.

PIONNIER, *sm.* Mpanamboatra lálantafika.

PIPE, *sf.* 1° Barika lehibe. 2° —, Fifohamparaky, pipa.

PIPEAU, *sm.* 1° Sodina, tsotsóka. 2° —, *pl.* Rantsan-kazo voafono dity hamandriham-borona. 3° *fig.* Fitaka.

PIPÉE, *sf.* Famandriham-borona amy ny dity.

PIPER, *va.* 1° Mamandri-borona amy ny dity. 2° *fig.* Mamitaka, manambáka.

PIPEUR, *sm.* Mpamitaka amy ny loka.

PIQUANT, ANTE, *adj.* 1° Manilo, manindrona. Les branches des rosiers sont piquantes. *Manilo,* etc., ny rantsan' ny foto-bonin-draozy. 2° —, Manaikitra, malaholaho, mamirifiry. Vinaigre —. Vinaingitra *manaikitra.* Herbes piquantes. Anana *manaikitra, malaholaho.* Froid —. Hatsiaka *manaikitra, mamirifiry.* 3° *fig.* Mamelively, mamoapoaka, manindrontsindrona, maharary, mahatezitra. Paroles piquantes. Teny *mamelively,* etc. 4° —, Mahafinaritra, mahatebamaky, marevaka, be sira. Il a une conversation piquante. *Mahafinaritra, mahate-hihaino* ny resaka ataony. Style —. Laha-teny *mahafinaritra,* etc.

—, *sm.* 1° Tsilo. Les piquants des raquettes. Ny *tsilon*-draiketra. 2° —, Fanaikitra. Le — du vinaigre. Ny *fanaikitry* ny vinaingitra. 3° *fig.* Ny mahate-hihaino. Le — de cette affaire. *Ny mahate-hihaino* amin'izao raharaha izao.

PIQUE, *sf.* 1° Lefona lava zarana. 2° —, Lolom-po. Il a fait cela par —. *Lolompo* no nanaovany izany. 3° *fig.* Il est à cent piques au-dessus de son concurrent. Mihoatra lavitra noho izay mifaninana aminy izy.

—, *sm.* Tangontsotrobe, fonombimainty.

PIQUE-ASSIETTE, *sm.* Mpitakarina.

PIQUER, *va.* 1° Manilo, manindrona. Les épines piquent. *Manilo* ny tsilo. Une épingle l'a piqué. Nisy paingotra *nanindrona* azy. Le chirurgien l'a mal piqué. Tsy nahay *nanindrona* azy ny dokotera. — un cheval. *Manindrona* soavaly. — des deux. *Manindrona* soavaly amy ny zeporony roa; *fig.* manao haingana dia haingana. 2° —, Manaikitra. Les mouches piquent les chevaux. Ny lalitra *manaikitra* ny soavaly. Ce vin pique la langue. *Manaikitra* ny lela izany divay izany. 3° —, Manao tampody, manisika tavin-kisoa amy ny hena. — un col. *Manao tampody* amy ny vozon'akanjo. — un filet de bœuf. *Manisika tavin-kisoa* amy ny ilikena. 4° *fig.* Maharary, mahatezitra. Le moindre reproche le pique. Ny fananarana kely foana *maharary,* etc., azy. 5° —, Mahafinaritra, mahate-hihaino, mahate-hamaky. Il n'y a rien, dans ce style, qui pique. Tsy misy *mahafinaritra,* etc., amin'izany laha-teny izany.

Se piquer, *vpr.* 1° Tsiloina, tsindronina. 2° —, Miharatsy, mihasimba, mihavovohina, lanim-biby. Ce vin se pique. *Miharatsy, mihasimba* io divay io. Ce bois se pique. *Mihavovohina, lanim-positra* io hazo io. Ces étoffes se piquent. *Lanin' ny kalalao* ireo lamba ireo. Ces fruits se piquent. *Lanin-tsendrina* ireo voankazo ireo. 3° *fig.* Tezitra. Il s'est piqué de mon observation. *Tezitra* noho ny anatra nataoko taminy izy. 4° —, Manao azy ho..., mampiseho, mireharoha, mikezaka, mikiry. Il se pique d'être brave. *Manao azy ho* mahery fo, *mampiseho* herim-po izy. Il ne se pique d'autre chose que d'être honnête homme. Tsy *mirehareha* afa-tsy noho ny hatsaram-panahiny izy. Se — d'honneur. *Mikezaka.* Se — au jeu. *Mikiry* amy ny loka.

PIQUET, *sm.* 1° Tsima-day, tsato-kazo, famolaina. 2°—, Karazan-tsazy atao amy ny mpianatra. 3°—, Miaramila vitsivitsy miandry raharaha.

PIQUETÉ, ÉE, *adj.* Vanga, mipentimpentina. Un œuf — de rouge. Atody *vanga* mena, *mipentimpentina* mena.

PIQUETTE, *sf.* Divay ratsy.

PIQUEUR, *sm.* Mpitarika amboa maro mihaza.

PIQUEUR, EUSE, *s.* Mpanjaitra kiraro.

PIQÛRE, *sf.* 1° Ny voatsilo, ny voatsindrona, tsindrona. Une — d'épingle. *Ny voatsindrona, ny tsindron'* ny paingotra. 2°—, Kaikitra La — d'un scorpion. Ny *kaikitry* ny maingoka. 3°—, Ny lanim-biby. Cette boiserie est pleine de piqûres. Be *lanim-positra* io peta-drindrina io. 4°—, Tampody.

PIRATE, *sm.* Mpamabo eny ambony ranomasina, jiolahin-tsambo.

PIRATER, *vn.* Mamabo eny ambony ranomasina.

PIRATERIE, *sf.* 1° Famaboana eny ambony ranomasina. 2° *fig.* Fibinanambahoaka. 3°—, Fakan-tahaka ny any ny hafa.

PIRE, *adj. comp.* 1° Ratsiratsy kokoa. Ce vin est — que le premier. *Ratsiratsy kokoa* noho iloy teo io divay io. 2°—, Ratsy indrindra.

—, *sm.* Ny ratsy indrindra. Souvent qui choisit prend le—. Matetika izay mifidy no mahazo ny *ratsy indrindra.*

PIROGUE, *sf.* Lakana.

PIROUETTE, *sf.* Karazan-tsangodina, sangodina, tsingeringerina.

PIROUETTER, *vn.* Manao sangodina, misangodina, mitsingeringerina. Le vent fit — le bateau. Ny rivotra *nampisangodingodina, nampitsingeringerina* ny lakan-drafitra.

PIS, *adv.* Ratsiratsy kokoa. Il est — que jamais. *Ratsiratsy kokoa* noho ny taloha izy.

—, *adj. comp.* Ratsiratsy kokoa. Il n'y a rien de — que cela. Tsy misy *ratsiratsy kokoa* noho izany.

—, *sm.* Ny ratsy indrindra. Le — que j'y trouve. *Ny ratsy indrindra* amin'izany araka ny hevitro.

Au pis aller, *loc. adv.* Rahefa tsy fidiny. Au — aller nous reviendrons sur nos pas. *Rahefa tsy fidiny* dia hiverina isika.

De mal en pis, *loc. adv.* Aller de mal en—. Miharatsy kokoa.

PIS, *sm.* Tohatra, nonon'omby, nonon' osy, etc.

PISCICULTURE, *sf.* Fiompian-kazandrano.

PISCINE, *sf.* Dobo kely.

PISÉ, *sm.* Tany totoina.

PISSAT, *sm.* Amanim-biby.

PISSEMENT, *sm.* Famaniana. — de sang. *Famaniana* ra.

PISSENLIT, *sm.* 1° Zava-maniry mitovy amy ny salady ngita. 2°—, Zaza kely mpanditsaka am-pandriana.

PISSER, *vn.* Mamany, manditsaka.

PISSOIR, *sm.* Trano kely famaniana.

PISTACHE, *sf.* Voanjo. — de terre à gousses. *Voanjom*-bazaha, *voanjo* mitohy. —de terre dont les fruits sont séparés et semblables à des haricots. *Voanjo* bory.

PISTE, *sf.* Dia. Suivre la bête à la —. Manaraka *diam*-biby. Être à la — de quelqu'un. Mitsongo *dia* olona.

PISTIL, *sm.* Vavim-boninkazo.

PISTOLE, *sf.* Ariary roa.

PISTOLET, *sm.* Basy poleta.

PISTON, *sm.* 1° Tavoka. 2°—, Pistó.

PITANCE, *sf.* Anjara hanina.

PITEUSEMENT, *adv.* Mampalahelo, mampangoraka.

PITEUX, EUSE, *adj.* Mampalahelo. mampangorakoraka, sosotsosotra. État — Toetra *mampalahelo, mampangorakoraka.* Parler d'un ton—. Miteny amy ny feo *mampalahelo, mampangorakoraka.* Piteuse mine. Tarehy *sosotsosotra.*

PITIÉ, *sf.* 1° Indrafo, findrafo, famindram-po, antra, fiantrana, alahelo, fangorahana. Homme sans—. Lehilahy tsy manana *indrafo,* — *findrafo,* tsy *mamindra fo,* tsy *antra,* tsy *miantra.* Ayez—des pauvres. *Mamindrà fo* amy ny mahantra, *miantrà* ny mahantra. L'état où il est fait— *Mampalahelo, mampangorakoraka* ny toetrany. 2°—, Hadikidiky. Il chante à faire—. *Mahadikidiky* ny hirany.

PITON, *sm.* 1° Saikró mihoron-doha. 2° —, Tampon'ny tendrombohitra avobe sady mideza.

PITOYABLE, *adj.* 1° Mampalahelo, mampangorakoraka. État —. Toetra *mampalahelo,* etc. 2°—, Mahadikidiky, tsinontsinona. Discours —. Laha-teny *mahadikidiky,* etc.

PITOYABLEMENT, *adv.* Mahadiki-

diky, tsinontsinona. Il se conduit —. Manao fitondran-tena *mahadikidiky* izy.

PITTORESQUE, *adj.* Mahafinaritra, marevaka. Ce site est —. *Mahafinaritra* izao tazan' ny maso izao. Style —. Lahateny *mahafinaritra*, etc.

PITTORESQUEMENT, *adv.* Mahafinaritra, marevaka.

PITUITE, *sf.* Rehoka, lelo, tsilolilolу.

PITUITEUX, EUSE, *adj.* et *s.* Be rehoka, be tsilolilolу, mitsilolilolу.

PIVOT, *sm.* 1° Labin-tangerina. 2°—, Faka be. 3° *fig.* Fototra, fiankinana. Il est le — de cette entreprise. Izy no *fototra*, *iankinan'* izany raharaha izany.

PIVOTANT, ANTE, *adj.* Mamáka mahitsy amy ny tany. La carotte a des racines pivotantes. Ny karaoty dia *mamáka mahitsy amy ny tany.*

PIVOTER, *vn.* 1° Mihodina amy ny lahiny. 2°—, Mamáka mahitsy amy ny tany.

PLACAGE, *sm.* Peta-kazo.

PLACARD, *sm* 1° Peta-taratasy, petagazety. 2°—, Lalimoara anaty rindrina.

PLACARDER, *va.* Mametaka taratasy, mametaka gazety.

PLACE, *sf.* 1° Fitoerana, fipetrahana, laharana, filaharana, tokotany, toetra. Mettez chaque chose à sa —. Samy ataovy amy ny *fitoerany*, *toerany* avy ny zavatra rehetra. Faites-lui —. Omeo *fitoerana* eo aminareo eo izy, mihataha *hipetrahany*, — handehanany La — est trop petite pour deux. Tsy mahalany olon-droa ity *fitoerana* ity, tsy misy *hipetrahan'* olon-droa ity. Il n'y a pas de — dans son cabinet pour tous ses livres. Tsy ampy *hametrahana* ny bokiny rehetra ny efi-tranony. Il prit — au banquet. *Nipetraka*, *nilahatra* tao amy ny fanasan-dehibe izy. Il prit la première —. Naka ny *fitoerana*, *laharana*, *filaharana* voalohany izy. Cet élève a eu la première—. Nahazo ny *fitoerana*, *filaharana* voalohany io mpianatra io. Ce mot n'est pas à sa —. Tsy ao no tokony *hilaharan'* izany teny izany. Voilà une belle — pour bâtir. Itsy ny *tokotany* tsara hanorenan-trano. D'un coup de poing il l'étendit sur la—. Nasiany totohondry izy ka nitsingidina tamy ny *tany*. Il est demeuré mille hommes sur la—. Nisy olona arivo lahy no niampatrampatra teo amy ny *tany* niadiana. Cet homme n'est pas à sa—. Tsy amy ny *toetra* antonina azy io lehilahy io. À ma — que feriez-vous ? Raha izao *toetraho* izao no toetranao inona no hataonao ? ‖ *loc.* —, —. Mihataha, mitanilá —aites — aux autres. Aoka kosa hodiasan' ny sasany hianareo. L'amour dans son cœur a fait — à la haine. Ny fitiavana no nisolo ny lolom-po tao am-pony. Ce discours n'est pas à sa —. Tsy amy ny antony izany resaka izany. Cette action mérite d'avoir — dans l'histoire. Mendrika hotantaraina izany nataony izany. Donnez-moi une — dans votre souvenir. Aoka hahatsiaro ahy hianao. 2°—, Raharaha. Il a obtenu une bonne— Nahazo *raharaha* tsara izy 3° —, Kianja, tanána. —publique. *Kianja.* — d'armes. *Kianja* fanaova-matso. — forte. *Tanána* mimanda, —misy baterý. Le commandant d'une—. Ny komandin' ny *tanána.* Négocier un billet sur la —. Mivarotra taratasy vola ao an-*tanána.*

PLACEMENT, *sm.* Fampanjanahambola, fampihanam-bola, vola mihana.

PLACENTA, *sm.* Ahitra, zandrin-jaza, tavony. —des animaux. *Tavony.*

PLACER, *va.* 1° Mametraka, mandahatra, manisika. —des livres sur une table. *Mametraka* boky eo ambony latabatra. On les plaça suivant leur dignité. *Nalahatra* araka ny voninahiny izy rehetra. Il place bien ses aumônes. Mahay *mandahatra* ny fiantrana ataony izy. Il place bien ce qu'il dit. Mahay *manisika* ny zavatra lazainy izy. 2°—, Mampahazo raharaha. Il a placé ses trois enfants. *Nampahazo raharaha* ny zanany telo lahy izy. 3°—, Mivarotra, mampanjanaka, mampihana. Il a déjà placé la moitié de sa marchandise. *Nivarotra* ny antsasaky ny entany sahady izy. — de l'argent. *Mampanjanaka*, *mampihana* vola. 4° *fig* Mampisondrotra. Son génie l'a placé au rang des écrivains célèbres. Ny halalinan-tsainy *nampisondrotra* azy ho isan' ny mpamorom-boky malaza.

Se placer, *vpr.* 1° Mipetraka, milahatra. 2°—, Mahazo raharaha. 3° *fig.* Misondrotra.

PLACET, *sm.* Taratasy fangatahana, taratasy fifonana.

PLACIDE, *adj.* Tsy tia ady, mipetraka ho azy, mitoetra ho azy, mibonaika.

PLACIDEMENT, *adv.* Mibonaika.

PLACIDITÉ, *sf.* Fibonaika.

PLAFOND, *sm.* Valin-drihana.

PLAFONNAGE, *sm.* Fanaovana valin-drihana.

PLAFONNER, *va.* Manao valin-drihana.

PLAFONNEUR, *sm.* Mpanao valin-drihana.

PLAGE, *sf.* 1° Tsiraka, moron-tsiraka, moron-dranomasina. Le navire a échoué sur la —. Fefika tao an-*tsiraka, amoron-tsiraka, amoron-dranomasina* ny sambo. 2°—, Tany.

PLAGIAIRE, *adj.* et *sm.* Maka tahaka amy ny boky hafa.

PLAGIAT, *sm.* Fakan-tahaka amy ny boky hafa.

PLAIDANT, ANTE, *adj.* 1° Miady, mifandahatra, mifandapa. Les parties plaidantes. Ny andaniny roa *miady*, etc. 2°—, Misolo vava.

PLAIDER, *vn.* 1° Miady, mifandahatra, mifandapa. 2°—, Misolo vava. 3° *fig.* Manamarina. Sa franchise plaide en sa faveur. *Manamarina* ny azy ny fahatsorany.

—, *va.* 1° Misolo vava. Il a bien plaidé votre cause. *Nisolo vava* anao tsara tamy ny adinao izy. 2° *fig.* Manamarina. Il plaide le faux pour savoir le vrai. Mody *manamarina* ny tsy marina izy mba hahafantarany ny tena marina, mamely don-tany hahafantarana ny marina izy.

Se plaider, *vpr.* Atao, ampifandaharina. Cette affaire se plaide aujourd'hui. Anio no *atao, ampifandaharina* izany raharaha izany.

PLAIDEUR, EUSE, *s.* Mpiady.

PLAIDOIRIE, *sf.* 1° Fisoloam-bava. Il excelle dans la —. Mahay *misolo vava* izy. 2°—, Fifandaharana, fifandapana. La — a duré six jours. Naharitra henoman' andro ny *fifandaharana*, etc.

PLAIDOYER, *sm.* Laha-teny ataon'ny mpisolo vava.

PLAIE, *sf.* 1° Fery. 2° *fig.* Fahoriana, alahelo, loza. Les plaies du cœur. Ny *fahoriana*, ny *alahelon'* ny fo. Les dix plaies d'Egypte. Ny *loza* folo nanjó any Ejipta.

PLAIGNANT, ANTE, *adj.* et *s.* Mpitory, mpanaraka.

PLAIN, AINE, *adj.* Lemaka. C'est un pays—. Tany *lemaka* izany.

De plain-pied, *loc. adv.* Mitovy tántana. On entre de — pied de la salle dans le jardin. *Mitovy tántana* ny ao amy ny efitra sy ny zarday.

PLAIN-CHANT, *sm.* Hira tsofra fanao amy ny Eglizy Katolika.

PLAINDRE, *va.* 1° Mangoraka, mangora-po, mitsetra, mitso-po. Je plains ces malheureux. *Mangoraka* ireo mahantra ireo aho. Je plains votre malheur. *Mangoraka*, etc., amy ny fahorianao aho. 2° *fig.* Mitandro, mitsitsy. Il ne plaint point sa peine pour ses amis. Tsy *mitandro* hasasarana ho any ny sakaizany izy. Il ne plaint point l'argent. Tsy *mitsitsy* vola izy.

Se plaindre, *vpr.* Mitaraina, be taraina. Il se plaint pour rien. *Mitaraina*, etc., amy ny zavatra tsinontsinona izy. Se—de la fatigue. *Mitaraina* tánana ompaka. Il se plaint de sa misère. *Mitaraina* noho ny fahoriany izy. Il se plaint de la partialité des juges. *Mitaraina* noho ny fiangaran'ny mpitsara izy. Il s'est plaint aux juges. *Nitaraina* tamy ny mpitsara izy.

PLAINE, *sf.* Tany lemaka. ‖ *loc.* La— liquide. Ny ranomasina. La—des airs. Ny habakabaka.

PLAINTE, *sf.* Fitarainana. Les plaintes des blessés. Ny *fitarainan'*ny naratra. Je ne lui ai donné aucun sujet de—. Tsy nanao na inona na inona *hitarainany* aho. Porter —en justice. *Mitaraina* amy ny mpitsara.

PLAINTIF, IVE, *adj.* Mitaraina, mampalahelo. Chant—. Hira *mitaraina*, etc.

PLAIRE, *vn.* Ankasitrahana, sitraka, mahafaly, mahafinaritra. Il plait à tout le monde. *Ankasitrahana, sitraky* ny olona rehetra, *mahafaly, mahafinaritra* ny olona rehetra izy. Cela ne me plait pas. Tsy *ankasitrahako, tsy sitrako* izany. L'adulateur cherche à—. Mila *sitraka* ny mpandoka.

—, *v. imp.* Sitraka. Vous plait-il d'aller en promenade ? Moa *sitrakao* ny handeha hitsangantsangana ? Donnez-moi cela, s'il vous plait. Aiza ho ahy iny, raha *sitrakao*. ‖ *loc.* Plaise à Dieu. Anie, enga ka.... Plaise à Dieu qu'il revienne ! Ho tafaverina soa aman-tsara *anie* izy, *enga ka* ho tafaverina soa aman-tsara izy ! A Dieu ne plaise, ce qu' à Dieu ne plaise. Sanatria. A Dieu ne plaise que j'y consente. *Sanatria*, tsy hanaiky izany na oviana na oviana aho. S'il meurt, ce qu' à Dieu ne plaise, je quitterai cette maison. Raha maty izy, *sanatria izany*, dia hiala amin' ity trano ity aho.

Se plaire, *vpr.* Faly, finaritra, tia. Se—à soi-même. *Faly* amy ny tenany. Il se plait à étudier. *Faly, finaritra* miana-

tra izy. Il se plaît dans sa famille. *Faly, finaritra* mitoetra amy ny ankohonany izy. Les bœufs se plaisent dans les pâturages. *Faly, finaritra* amy ny tany be vilona, *tia* ny tany be vilona ny omby. L'olivier se plaît sous un ciel chaud. *Tia* tany mafana ny hazo oliva.

PLAISAMMENT, *adv.* Mampihomehy, mahatsikaiky. Il est—habillé. *Mampihomehy*, etc., ny fiakanjony.

PLAISANCE, *sf.* Maison de—. Trano fikorianana any an-tsaha.

PLAISANT, ANTE, *adj.* 1° Mampihomehy, mahatsikaiky, hatsikana, arira, akisa, satriatria. Conte—. Angano *mampihomehy, mahatsikaiky*. C'est le plus —homme du monde. Tsy misy olona *mampihomehy*, etc., tahaka azy. 2°—, Hafahafa. Un—personnage. Olona *hafahafa*. Comme Bizarre.

—, *sm.* 1° Hatsikan-dahy, ariralahy, akisalahy, mpanao kivazivazy, tia vosotra, tia sangy. C'est un mauvais—. *Mpanao kivazivazy* ratsy, *tia voso*-dratsy, *tia sangisangy* ratsy izy. 2°—, Ny mampihomehy, ny mahatsikaiky. Le—d'une histoire. *Ny mampihomehy*, etc., amy ny tantara anankiray.

PLAISANTER, *vn.* Milaza hatsikana, manao kivazivazy, —vosobosotra, —kisangisangy. Il plaisante agréablement. *Milaza hatsikana, manao kivazivazy*, etc., mahafinaritra izy. Apparemment vous plaisantez. Toa *manao kivazivazy* hianao.

—, *va.* Mamazivazy, mamosobosotra, misangisangy, mananihany. — quelqu'un. *Mamazivazy*, etc., olona.

PLAISANTERIE, *sf.* 1° Hatsikana, kivazivazy, vosobosotra, kisangisangy. Il dit une—. Milaza *hatsikana*, manao *kivazivazy*, etc., izy. Sans—. Tsy misy *kivazivazy* izany. 2°—, Kivazivazy ratsy, voso-dratsy, sangy ratsy, kihaihay, kiniania. Je suis las de cette—. Mahadikidiky ahy izany *kivazivazy ratsy*, etc., izany.

PLAISIR, *sm.* 1° Hafaliana, fifaliana, hafinaretana, filalaovana. Vos lettres me causent du—. *Mahafaly, mahafinaritra* ahy ny taratasy ampitondrainao. Il se livre au—de la chasse. *Faly, finaritra* mitifitra izy. La jeunesse aime les plaisirs. Tia ny *fifalian'* izao fiainana izao, tia *filalaovana* ny zatovo. 2°—, Sitraka, sitra-po. Tel est son bon—. Izao no *sitrany, sitraky ny fony, sitrapony*. Suivre en tout son bon—. Manao araka ny *sitraky ny fony*, ny danin' ny kibony, manaram-po amy ny zavatra rehetra. Menus plaisirs. Ny lany amy ny *sitra-po* madinika. Il reçoit une piastre par mois pour ses menus plaisirs. Mandray ariary isam-bolana izy hataony amy ny ny *sitra-po* madinika.

PLAN, ANE, *adj.* Marina, mitovy tantana, — rano, — lenta, manao fandrindrano, marin-drano, rano iray. Surface —. Zavatra *marina*, etc.

PLAN, *sm.* 1° Zavatra marina, —mitovy tantana, etc. 2°—, Sary, plana. Il lève le — de la ville. Manao ny *sary*, ny *plan'* ny tanána izy. 3°—, Ambaratonga amy ny sary. J'aime cette figure qui est au premier —. Mahafinaritra ahy itsy endrika amy ny *ambaratonga voalohany amy ny sary* itsy. 4° *fig.* Fandaharana ny fotopototra. J'ai le — de mon discours dans ma tête. Efa mby ao an-tsaiko ny *fandaharana ny fotopototry* ny lahateny hataoko. 5°—, Fikasana. Nous avons fait le — de vous mener à la campagne. Efa *nikasa* hitondra anao ho any antsaha izahay.

PLANCHE, *sf.* 1° Hazo fisaka. ‖ *loc.* Faire la—. Manao rano tsilany. 2°—, Takela-motaly na hazo fisaka fanontan-tsary. 3°—, Sary milaza ny hevitry ny boky anankiray. Atlas composé de vingt planches. Boky sarin-tany misy *sarin-tany* roapolo. 4°—, Torim-boly. Une — de chicorée. *Torin*-tsalady ngita.

PLANCHÉIER, *va.* Manao ngorodonkazo.

PLANCHER, *sm.* Rihana, ngorodonkazo.

PLANCHETTE, *sf.* Hazo fisaka madinika.

PLANE, *sf.* Vankona fandamana.

PLANER, *vn.* 1° Misononóka. Un milan qui plane. Papango *misononóka*. 2° *fig.* Mahatazana, mahita. De cette hauteur on plane sur tout Paris. Amin' ity havoana ity no *ahatazanana, ahitana* any Parisy manontolo. Le génie de l'homme plane sur l'univers. *Mahita* izao tontolo izao ny sain' ny olombelona.

—, *va.* Mandama amy ny vankona.

PLANÉTAIRE, *adj.* Momba ny planeta. Système —. Ny *planeta* rehetra izay mihodina manodidina ny masoandro.

PLANÈTE, *sf.* Planeta.

PLANISPHÈRE, *sm.* Sarin' ny lanitra

manontolo, sarin-tanin' izao tontolo izao.

PLANT, *sm.* 1° Tahon-javatra famboly, — atao masom-boly, zana-kazo, zanak' anana. Je voudrais avoir du — de votre vigne. Ta-habazo *tahony* amy ny voalobokao aho *hamboleko,* ta-hanana *masom-boly* amy ny voalobokao aho. Ces plants d'arbres poussent bien. Maniry tsara ireo *zana-kazo* ireo. 2°—, Zana-kazo vao nambolena, hazo mbola tanora, zava-maniry mbola tanora.

PLANTATION, *sf.* 1° Fambolena. Ce n'est pas le temps de la —. Tsy mbola izao no taona *fambolena* zana-kazo. 2°—, Hazo ambolena. Il a fait de belles plantations. Mahafinaritra ny *hazo nambolony.* 3°—, Saha. Les créoles vivent sur leurs plantations. Mitoetra any amy ny *sahany* ny kiriolona.

PLANTE, *sf.* Zava-maniry. ‖ *loc.* La— des pieds. Ny faladia.

PLANTÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Voavoly, nambolena, novolena, voaketsa, naketsa, noketsana. Ces choux ont été bien plantés. *Voavoly, nambolena* tsara ireo laisoa ireo. J'ai un champ—de pommiers. Manana tanin-tsaha *voavoly, novolena* foto-paoma aho. Mon riz est —. *Voaketsa, naketsa* ny variko. Ma rizière est plantée. *Voaketsa, noketsana* ny tanimbariko. 2°—, Voatsatoka, natsatoka, mitsatoka, voaorina, naorina, miorina, voatsangana, natsangana, mitsangana. 3° *fig.* Voatsatoka, natsatoka, mitsatoka, mijoro.

PLANTER, *va.* 1° Mamboly, manetsa. —un arbre. *Mamboly* hazo anankiray. —de la laitue. *Mamboly* zana-tsalady. —des haricots. *Mamboly* tsaramaso. 2°—, Manatsatoka, manorina, manangana. — des jalons. *Manatsatoka, manorina* famolaina.— un drapeau. *Manangan*-tsaina. 3° *fig.* Mampitsatoka, mandao. Son domestique s'est enfui et l'a planté là. Nandositra ny mpanompony ka *nampitsatoka* azy tao, *nandao* azy. 4°—, Mamely, mamoapoaka. Il lui planta un soufflet sur la joue. *Namely* azy tahamaina tamy ny takolany izy. Il ne cesse de me — mon âge au nez. *Mamelively, mamoapoaka* ahy mandrakariva noho ny fahatanorako izy.

Se planter, *vpr.* 1° Ambolena. 2° *fig.* Mitsatoka, mijoro. Il s'est venu — devant moi. Tonga *nitsatoka,* etc., tao anatrehako izy.

PLANTEUR, *sm.* Mpamboly.

PLANTOIR, *sm.* Antsetra fambolena.

PLANTON, *sm.* Miaramila faniraky ny manamboninahitra.

PLAQUE, *sf.* Takela-metaly. — de cuivre. *Takela*-barahina.

PLAQUER, *va.* Mametaka. — de l'or sur du bois. *Mametaka* volamena amy ny hazo.

PLAQUEUR, *sm.* Mpametaka.

PLASTIQUE, *adj* 1° Momba ny fanaovana sary fakan-tahaka. L'art—. Ny fahaizana *manao sary fakan-tahaka.* 2° —, Azo anaovan-tsary fakan-tahaka. Argile—. Tanimanga *azo anaovan-tsary fakan-tahaka.*

—, *sf.* Fahaizana manao sary fakan-tahaka.

PLASTRON, *sm.* 1° Arotratra, fiarovan-tratra. 2° *fig.* Olona fanorin' ny sasany.

PLASTRONNER, *va.* Manisy arotratra.

Se plastronner, *vpr.* Manao arotratra.

PLAT, *sm.* 1° Lovia, vilia. —long. *Lovia* lakana. 2°—, Iray lovia. On a servi un— de poissons. Hazandrano *iray lovia* no naroso.

PLAT, ATE, *adj.* 1° Fisaka, lemaka, talesaka, saliaka, sahiaka, tasiaka, belaka, tasy, tabebaka. Il a le dos—. *Fisaka* ny lamosiny. Pays—. Tany *lemaka.* Assiette plate. Lovia *talesaka, saliaka, sahiaka, tasiaka.* Il a le visage—. *Belaka, tasitasy, tabebaka* endrika izy. ‖ *loc.* Cheveux plats. Volon-doha *tsotra.* Il a le ventre—. Lempona, mifezaka ny kibony, mifetaka ny tsinainy. Se coucher à — ventre. Manankohoka. 2° *fig.* Tsotra loatra, tsy mendrika. Style —. Laha-teny *tsotra loatra.* Un— personnage. Olona *tsy mendrika.*

—, *sm.* Takolaka, felatanana. Il lui donna des coups de—de sabre. Namely azy tamy ny *takola*-tsabatra izy. Il lui a donné un coup du — de la main. Namaika azy tamy ny *felatànany* izy.

À plat, *loc. adv.* Mettre un livre à—. Mampandry boky. Être étendu à — dans son lit. Mivalandótra ao amy ny fandriany. Se mettre à — contre un mur. Mitampisaka amy ny rindrina. Sa tragédie est tombée à —. Tsy nahomby ny teatra nataony.

PLATANE, *sm.* Karazan-kazo makadiry be ravina.

PLATEAU, *sm*. 1° Lela mizana. 2°—, Kapila vifotsy. 3°—, Tany marin-tampona, lembalemba.

PLATE-BANDE, *sf*. 1° Sisim-boly. Mettez de l'oseille aux plates-bandes. Asio kamasina ny *sisim-boly*. 2°—, Vody akondro.

PLATE-FORME, *sf*. 1° Tafon-trano marin-tampona. 2°—, Tany marin-tampona.

PLATEMENT, *adv*. Tsotra loatra, tsy mendrika.

PLATINE, *sm*. Platina.

PLATINE, *sf*. Vy fisaka iraikefan' ny fanoitram-basy, tokotanim-basy, izay iankinan' ny kodiaram-pamantaranandro, tavan-kidin-trano idiran' ny fanalahidy.

PLATITUDE, *sf*. 1° Fahatsorana loatra, tsy fahamendrehana. 2°—, Zavatra tsy mendrika. Dire des platitudes. Milaza *zavatra tsy mendrika*.

PLÂTRAGE, *sm*. Zavatra natao tamy ny plastera.

PLÂTRE, *sm*. 1° Sokay malemy volo, plastera. 2°—, Lasitra vita amy ny plastera.

PLÂTRER, *va*. 1° Mandalotra amy ny plastera. — un mur. *Mandalotra* rindrina *amy ny plastera*. 2°—, Mamafy plastera. —une prairie. *Mamafy plastera* amy ny tanim-bilona. 3° *fig*. Manafina, manarona.

Se plâtrer, *vpr*. Mitentina.

PLÂTRIER, *sm*. Mpandalotra amy ny plastera, mpivarotra plastera.

PLÂTRIÈRE, *sf*. Tany fihadiana plastera.

PLAUSIBLE, *adj*. Toa marina. C'est une excuse —. *Toa marina* izany fialan-tsiny izany.

PLÈBE, *sf*. Ankapobem-bahoaka, valalabemandry, bozaka aman' ahitra.

PLÉBÉIEN, IENNE, *s*. Isan' ny ankapobem-bahoaka, hova.

PLÉBISCITE, *sm*. Teny ieram-bahoaka.

PLÉIADES, *sf. pl*. Kotokely miady laona.

PLEIN, PLEINE, *adj*. 1° Feno, feno hika, feno hiboka, feno hivoka, safononoka, manjepizepy, be. Un tonneau — de vin. Barika *feno* divay. L'église était si pleine, qu'on n'y pouvait entrer. *Feno hika, feno hiboka, feno hivoka* ny trano leglizy, ka tsy azo nidirana. Vase —. Kapoaka *feno*. La rivière coule à pleins bords. *Safononoka, manjepizepy* ny renirano. Un jardin—de fruits. Tanimboly *be* voankazo. 2°—, Mitohatra, mamosavy. Une jument pleine. Soavaly *mitohatra*. Une chatte pleine. Sakavavy *mamosavy*. 3°—, Manontolo, maninjitra Un jour—. Indray andro *manontolo*, etc. 4° *fig*. Feno, be, tsy misy fetra, indrindra, ampovoany, a y, erany. Il est—de reconnaissance. *Feno* fankasitrahana ny fony. Un livre — d'erreurs. Boky *feno* hevidiso. Il est—de cette idée. *Feno* izany hevitra izany ny sainy. J'ai le cœur—, il faut que je m'ouvre à vous. *Feno* ny foko, ka tsy maintsy hoborahiko aminao. La vie est pleine de misères. *Be* fahoriana ny andro iainantsika. Il est—de lui-même. *Be* ebo izy. Le roi lui a donné—pouvoir. Nanome azy fahefana *feno, tsy misy fetra* ny mpanjaka. Il a une pleine connaissance de l'affaire. Mahalala *indrindra* ny toe-draharaha izy. Nous serons bientôt en pleine moisson. Ho ao anatin' ny fijinjam-bary *indrindra* isika raha afaka kelikely. Il a fait cela de—gré. Nanao izany an-tsitra-po *indrindra* izy. On l'insulta en pleine rue. Nesoina tao *ampovoan'* ny arabendálana, amphibemaso izy. Il se baigne en—hiver. Milóna amy ny *aty* ririnina izy. En pleine mer. *Ampovoan'* ny ranomasina. Il donne de l'argent à pleines mains. Manome vola *eran'* ny tánana izy, mandraoka fotsiny izy raha manome vola. Il boit à—verre. Misotro *eran'* ny gilasy izy. ‖ *loc*. Avoir le ventre—. Voky. Pleine lune. Fenomanana. Une voix pleine. Feo mafy. En—jour. Antoandrobe. Un arbre en — vent. Haze an-kotsio-drivotra. En—champ. Ankalamanjana.

Plein, *adv* Erany. Il a de l'argent — ses poches. Manam-bola *eran'* ny paosiny izy.

—, *sm*. Ny feno. La lune est dans son —. *Feno* ny volana.

En plein, *loc. adv*. 1° Ampovoany. Frapper en—. Mamely *ampovoany*. 2°—, Indrindra. Le soleil donne en — sur nous. Mamely anay *indrindra* ny hainandro.

PLEINEMENT, *adv*. Indrindra. Il est — satisfait. Afa-po *indrindra* izy

PLÉNIÈRE, *adj*. Manontolo. Indulgence —. Indulzansy *manontolo*.

PLÉNIPOTENTIAIRE, *sm*. et *adj*. Iraka manam-pahefana tsy voafetra.

PLÉNITUDE, *sf*. Hafeno. hafenoana, fahafenoana.

PLÉONASME, *sm.* Fanampin-teny foana.

PLÉTHORE, *sf.* Habetsahan' ny ra sy ny zavatra matsora ao anatin' ny vatana.

PLÉTHORIQUE, *adj.* Be ra sy zavatra matsora loatra ao anatin' ny vatana.

PLEURANT, ANTE, *adj.* Mitomany.

PLEURARD, *sm.* Zaza kely koreha, — mpiketriketrika.

PLEURER, *vn.* Mitomany, mandatsadranomaso, mijoy. — amèrement. *Mitomany, mijoy* mafy, *mandatsa-dranomaso* be. La fumée fait —. *Mampandatsa-dranomaso* ny setroka. Aller — au palais à la mort du souverain. Miatidranomaso. Être sur le point de —. Mila *hitomany,* mifendrofendro, manganohano. La vigne pleure. *Mitomany, mijoy* ny voaloboka.

—, *va.* Mitomany. — son père. *Mitomany* an-drainy.

PLEURÉSIE, *sf.* Karazan' aretin-tratra, fehitratra.

PLEUREUR, EUSE, *s.* Mpitomany, mpandatsa-dranomaso, mpijoy.

PLEURNICHER, *vn.* Mody mitomany, miketriketrika.

PLEURNICHERIE, *sf.* Fiketriketrika.

PLEURNICHEUR, EUSE, *s.* Mody mitomany, mpiketriketrika.

PLEURS, *sm. pl.* 1° Ranomaso. Les — de la vigne. Ny *ranomasom*-boaloboka. Voy. LARMES. 2° *fig.* Les — de l'aurore. Ny ando. Essuyer les — de quelqu'un. Manala alahelo olona.

PLEUTRE, *sm.* Kanosa, olona tsinontsinona.

PLEUVOIR, *v. imp.* Manorana, avy orana. Il pleut. *Manorana,* etc., ny andro. Il pleut à verse. Mivatravatra ny *orana.* Il pleut à grosses gouttes. Mipatrapatraka ny *orana.* Il ne fait que — depuis quelque temps. Mikija ny *orana.*

—, *vn.* 1° Miraraka hoatra ny ranonorana. Les balles ennemies pleuvaient sur nos bataillons. *Niraraka hoatra ny ranonorana* namely ny miaramilantsika ny balan' ny fahavalo. 2° *fig.* Betsaka, miditra hoatra ny rano. Il pleut des brochures. *Betsaka* ny boky madinika mivoaka. L'argent pleut dans cette maison. *Miditra hoatra ny rano* ny vola amin' ity trano ity.

PLÈVRE, *sf.* Fonon' avokavoka.

PLI, *sm.* 1° Valona, lefiravina, lefitra, leferana, foritra, ketrona. Cet habit ne fait pas un —. Tsy misy *mivalombalona, milefitra, miforitra, miketrona* izany akanjo izany na dia kely aza. Vous avez fait des plis à ce livre. *Nalefidefitrao* be hiany io boky io. Les plis d'une collerette. Ny *lefiravin'* ny vozon' akanjom-behivavy. Le — du bras. Ny *leferan*-tsandry. Le — du jarret. Ny *leferan*-tongotra. La peau de cet animal a des plis. *Mivalombalona, miketronketrona* ny hoditr'io biby io. 2° —, Taratasy, valopy. Vous trouverez sous ce — l'image que vous me demandez. Ho hitanao ao anatin'ity *taratasy,* etc., ity ilay sary angatahinao amiko. 3° *fig.* Fahazarana. Ce jeune homme a pris un bon —. *Zatra* amy ny tsara io tovolahy io.

PLIABLE, *adj.* Mora alefitra, mora aforitra.

PLIAGE, *sm.* Famalonana, famoretana.

PLIANT, ANTE, *adj.* 1° Mora alefitra, — milefitra, — aforitra, — miforitra. 2° *fig.* Mora manaiky. Esprit —. Olona *mora manaiky.*

—, *sm.* Seza bory mahazo milefitra.

PLIER, *va.* 1° Mamalona, mandefitra, mamoritra. — du papier. *Mamalona,* etc., taratasy. — du linge. *Mamalon*-damba. — des branches de vigne. *Mandefitra, mamoritra* rantsam-boaloboka. — les genoux. *Mandefitra* lohalika. 2° *fig.* Manazatra, mampanaiky, mampanaraka. Il est difficile de — ce jeune homme à la règle. Sarotra ny *manazatra* io tovolahy io hanaraka ny lalána, sarotra ny *mampanaiky,* ny *mampanaraka* io tovolahy io ny lalána.

—, *vn.* 1° Milefitra, miforitra, miletsy, milonjehitra. Le roseau plie. *Milefitra, miforitra* ny volotara. Le plancher pliait sous le faix. *Niletsy* azon' ny entana ny rihana. L'arbre plie sous le poids des fruits. *Milonjehitra* ny voany ny hazo. 2° *fig.* Manaiky, manaraka, mihemotra. — sous les ordres de quelqu'un. *Manaiky, manaraka* ny fandidian' olona. Il vaut mieux — que rompre. Aleo *manaiky* toy izay manohitra bidiran-doza. C'est un roseau qui plie à tout vent. *Manaraka* am-bokony, *manara*-driandrano izy. Les ennemis plièrent. *Nihemotra* ny fahavalo. 3° —, Tototra, reraka. Il plie sous le poids des affaires. *Tototry* ny raharaha izy. Il plie sous le poids des années. *Reraky* ny fahanterana izy.

Se plier, *vpr.* 1° Mileflitra, miforitra. 2° *fig.* Mihazatra, manaiky, manaraka.

PLIEUR, EUSE, *s.* Mpamalona, mpamoritra. — de journaux. *Mpamalona,* etc., gazety.

PLINTHE, *sf.* Vodiakondro, fehimbarika. —de mur. *Fehim-barika* amy ny rindrina.

PLIOIR, *sm.* Antsy famoretan-taratasy.

PLISSAGE, *sm.* Fanaovana lefiravina, — ketronketrona.

PLISSÉ, ÉE, *adj.* Misy lefiravina, miketrona. Feuille plissée. Ravin-kazo *miketrona.*

—, *sm.* Lefiravina, ketrona.

PLISSER, *va.* Manao lefiravina, manaketrona. — une collerette. *Manao lefiravina* amy ny vozon' akanjom-behivavy. —une chemise. *Manaketrona* akanjo lobaka.

—, *vn.* Mivalombalona, miketronketrona. Cet habit plisse. *Mivalombalona,* etc., ity akanjo ity.

Se plisser, *vpr.* Asiana lefiravina, aketrona, mivalombalona, miketronketrona.

PLISSURE, *sf.* Fanaovana lefiravina, —ketronketrona. Cette — est bien faite. Tsara ny *nanaovana* izany *lefiravina, ketronketrona* izany.

PLOMB, *sm.* 1° Fira-mainty. 2°—, Fatsaka, diplio. Mine de—. Comme PLOMBAGINE.

À plomb, *loc. adv.* Manampona. Le soleil donne à — sur sa tête. *Manampona* ao an-tampon-dohany ny masoandro.

PLOMBAGE, *sm.* 1° Fanisiana fira-mainty, — manjarano. 2°—, Fanisiana fira-mainty ho fitomboka.

PLOMBAGINE, *sf.* Manjarano.

PLOMBÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Nasiana fira-mainty, — manjarano. 2°—, Nasiana fira-mainty ho fitomboka. 3°—, Mivalomainty, mivaloarika.

PLOMBER, *va.* 1° Manisy fira-mainty, — manjarano. — des filets. *Manisy fira-mainty* amy ny harato. — une dent. *Manisy fira-mainty* amy ny nify. — de la vaisselle. *Manisy manjarano* amy ny lovia. 2°—, Manisy fira-mainty ho fitomboka. — des marchandises. *Manisy fira-mainty ho fitomboka* amy ny varotra.

Se plomber, *vpr.* Mivalomainty, mivaloarika.

PLOMBERIE, *sf.* 1° Fanamboarana fira-mainty. 2°—, Trano fanamboarana fira-mainty.

PLOMBEUR, *sm.* Mpanisy fira-mainty ho fitomboka.

PLOMBIER, *sm.* Mpanamboatra fira-mainty.

PLOMBOIR, *sm.* Fampidirana fira-mainty amy ny nify.

PLONGÉ, ÉE, *p.* 1° Voaroboka, naroboka, tafaroboka, miroboka, voasaika, nasaika, misaika, voatsoboka, natsoboka, mitsoboka, voasoka, nasoka, tafasoka, misoka, voasitrika, nasitrika, tafasitrika, misitrika, voairitra, nairitra, miritra, voalentika, nalentika, milentika. 2°—, Natrabaka, tafatrabaka, mitrabaka, natrobaka, tafatrobaka, mitrobaka. 3° *fig.* Nalentika, tafalentika, milentika, rendrika, mivarilavo, renoka. Être — dans le sommeil. *Renoky* ny torimaso.

PLONGEANT, EANTE, *adj.* 1° Misitrika, manitrika, miritra. 2°—, Mitsontsorika.

PLONGEON, *sm.* 1° Vorona mitovy amy ny vivy. 2°—, Antsitrika, aniritra, fanitrihana. Faire le —. Manao *antsitrika, aniritra, misitrika, manitrika*; *fig.* mikoy, resy ambony hiany.

PLONGER, *va.* 1° Mandroboka, manasaika, manatsoboka, manasoka, manoka, manitrika, maniritra, mandentika. — une cruche dans l'eau. *Mandroboka, manasaika* siny amy ny rano. — le fer rouge dans l'eau. *Manatsoboka* vy mena amy ny rano. — l'éponge dans l'eau. *Manatsoboka, manasoka* sponjy amy ny rano. — quelqu'un dans la mer. *Manitrika, maniritra, mandentika* olona any anaty ranomasina. On l'a plongé dans la rivière jusqu'au cou. *Naroboka, nalentika* tany anaty renirano hatramy ny vozony izy. —une étoffe dans la teinture. *Manoka* lamba. 2°—, Manatrabaka, manatrobaka. —un poignard dans le cœur. *Manatrobaka,* etc., lefom-pohy ao amy ny fo. 3° *fig.* Mandentika, mandrendrika. C'est lui qui vous a plongé dans la misère. Izy hiany no *nandentika* anao tao anatin' ny fahoriana.

—, *vn.* 1° Manao antsitrika, — aniritra, misitrika, manitrika. 2°—, Mitsontsorika. L'œil plonge sur la vallée. *Mitsontsorika* mijery ny lohasaha ny maso. Ce coup de canon plonge. Mipoaka *mitsontsorika* io tafondro io.

Se plonger, *vpr.* Milentika, rendrika, mivarilavo. Se — dans les plaisirs. *Milentika,* etc., ao amy ny fifalian'izao fiainana izao.

PLONGEUR, *sm.* Mpanao antsitrika, mpanao aniritra. — qui reste longtemps sous l'eau. *Mpanao iri*-dambo.

PLOYER, *va.* Mandefitra, mamoritra, mamalona. — une branche d'arbre. *Mandefitra, mamoritra* rantsan-kazo. — le genou. *Mandefitra* lohalika. — des étoffes. *Mamalona* lamba.

—, *vn.* Milefitra, miforitra, miletsy, milonjehitra. Il ploie sous le faix. *Milefidefitra, miforitra* tsindrian' ny entana izy.

Se ployer, *vpr.* Mihazatra, manaiky, manaraka. Voy. Plier.

PLUIE, *sf.* 1° Orana, ranonorana. — d'orage. *Ranonoram*-baratra. Il tombe quelques gouttes de —. Mitaika ny *orana.* 2° *fig.* Zavatra miraraka hoatra ny ranonorana, habetsahan-javatra. Répandre une — d'or. Manome vola *be.* Voy. Pleuvoir.

PLUMAGE, *sm* Volom-borona.

PLUMASSEAU, *sm.* Kofafa volom borona.

PLUMASSERIE, *sf.* Fivarotam-bolomborona.

PLUMASSIER, *sm.* Mpivaro-bolomborona.

PLUME, *sf.* 1° Volom-borona. Mettre de la — dans un oreiller. Manesika ondana amy ny *volom-borona.* Porter des plumes à son chapeau. Manao *volomborona* amy ny satroka. 2° —, Volomborona fanoratana, plimo, penina, fanoratana. Tailler des plumes. Mandranitra *volom-borona hanoratana.* Prendre la —. Mandray *plimo, penina,* manomboka *manoratra.* Homme de —. *Mpanoratra.* 3° *fig.* Laha-teny an-tsoratra. Sa — est mordante. Mamelively ny *laha-teny an-tsoratra* ataony. 4° —, Mpamorom-boky. C'est une — féconde. *Mamorona boky* maro izy.

PLUMEAU, *sm.* Kofafa volom-borona.

PLUMÉE, *sf.* Eran'ny plimo. Une — d'encre. Ranomainty *eran' ny plimo.*

PLUMER, *va.* 1° Mamolo, mandótra. Plumez ce pigeon. *Volosy* io voromailala io. — dans l'eau chaude. *Mandótra* amy ny rano mafana. 2° *fig.* Mijijy. — quelqu'un. *Mijijy* olona.

PLUMET, *sm.* Volom-boron-tsatroka.

PLUMETIS, *sm.* Amboridao. Broder au —. Manao *amboridao.*

PLUPART (LA), *sf.* Ny ankabiazana, ny ankabetsahana, ny ankamaroana. Les gens de ces pays sont pour la — paresseux. Kamo *ny ankabiazana,* etc , ny olona amin' izany tany izany.

La plupart du temps, *loc. adv.* Saika mandrakariva, matetika.

PLURALITÉ, *sf.* 1° Ny ankabiazana, ny ankamaroana. Il a eu la — des voix. Voafidin' *ny ankabiazana,* etc., ny olona izy. 2° —, Hamaroana. La — des dieux est inadmissible. Tsy azo ekena ny hoe misy andriamanitra *maro*

PLURIEL, ELLE, *adj.* Milaza maro.

—, *sm.* Teny milaza maro.

PLUS, *adv.* de *comp.* 1° Kokoa, bebe kokoa, hafa, maro, mahery, mihoatra, tsy omby. Il est — heureux que vous. Sambatra *kokoa* izy noho hianao. Donnez quelque chose de —. Omeo *bebe kokoa.* Je vous dirai quelque chose de —. Hilaza zavatra *hafa* aminao aho. — d'un témoin a déposé. Vavolombelona *maro* samy nilaza ny azy. Ils sont — de cent. Zato *mahery, mihoatra* ny zato, *tsy omby* zato izy ireo. Il a quatre ans de — que moi. *Mihoatra* efa-taona amy ny ahy ny taonany. 2° —, Intsony. Je n'y pense —. Tsy mihevitra izany *intsony* aho. ‖ *loc.* — on travaille, — on gagne. Raha mitombo ny asa, mitombo ny azo. — vous lui en direz, moins il en fera. Raha mananatra azy mafy hianao, vao mainka ho kelikely kokoa ny hataony.

Le plus, *superl. relat.* Indrindra. C'est le — méchant homme du monde. Izy no sompatra *indrindra* amy ny olona rehetra.

—, *sm.* Zavatra lehibe indrindra, ny be. Le — que je puisse faire... Ny *zavatra lehibe indrindra* azoko atao.... Qui peut le —, peut le moins. Izay mahavita *ny be,* mahavita ny kely. Voy. Moins.

De plus en plus, *loc. adv.* Mitombo tsikelikely. Il s'enrichit de — en —. *Mitombo* harena *tsikelikely* izy.

Au plus, tout au plus, *loc. adv.* Tsy mihoatra. Il n'a que trente ans au —. *Tsy mihoatra* telopolo taona ny taonany.

Il y a plus, bien plus, qui plus est, de plus, *loc. adv.* Ary koa, mbola.

Plus ou moins, *loc. adv.* Tokony, sabado.

Ni plus ni moins, *loc. adv.* Tsy miova. Il n'en fait ni — ni moins. *Tsy miova* izy.

Ni plus ni moins que, *loc. comp.* Tahaka. Je ne vous aime ni — ni moins que si j'étais votre frère. Tiako *tahaka* ny rahalahiko hianao.

Plus tôt, *loc. adv.* Aloha, raha haingana, haingana. Il est arrivé plus tôt que moi. Tonga *talohako* izy. Il arrivera au plus tôt dans un mois. *Raha haingana,* ho tonga izy raha afaka iray volana. Partez au plus tôt. Mandehana *haingana.*

Plus tard, *loc. adv.* Aoriana, raha ela. Il est arrivé plus tard que moi. Tonga *taoriako* izy. Il viendra dans deux jours au plus tard. *Raha ela,* ho tonga izy raha afaka indroa andro.

PLUSIEURS, *adj.* et *sm. pl.* Maro, sasany. — personnes. Olona *maro,* etc.

PLUTÔT, *adv.* 1° Aleo. Prenez—celui-ci. *Aleo* maka ity. —mourir que de le souffrir. *Aleo* maty toy izay miaritra izany. 2°—, Ahay, na hoe. Si vous ne voulez pas m'en croire, examinez — vous-même. Raha tsy mety mino ahy hianao, diniho *ahay* izany. Il faut vous oublier, ou— vous haïr. Tokony hanadino ny tenanao hianao, *na hoe* tokony hankahalainao ny tenanao.

PLUVIALE, *adj. f.* Momba ny orana. Eau pluviale. *Ranonorana.*

PLUVIER, *sm.* Vorondriaka.

PLUVIEUX, EUSE, *adj.* 1° Be ranonorana. Jour—. Andro *be ranonorana.* 2°—, Mitarika orana, manena orana. Vent—. Rivotra *mitarika orana,* etc.

PLUVIOMÈTRE, *sm.* Famaran-dranonorana.

PNEUMATIQUE, *sf.* Fahaizana momba ny rivotra.

—, *adj.* Momba ny rivotra. Machine—. Milina fanesoran-*drivotra* ao anaty giloby.

PNEUMONIE, *sf.* Aretin' avokavoka, fehitratra.

POCHE, *sf.* 1° Paosy. 2°—, Holoka. Il s'est fait une—au fond de la plaie. Nanjary nisy *holoka* tao anaty fery. 3° *fig.* Payer de sa—. Mandoa amy ny volany. Acheter chat en—. Mividy omby anaty ambiaty.

POCHÉ, ÉE, *adj.* 1° Mivonto. 2° *fig.* Mifotetaka. Ecriture pochée. Sora-tánana *mifotetaka.*

POCHER, *va.* Mampivonto. —l'œil à quelqu'un. *Mampivonto* mason'olona.

POCHETER, *va.* Manao am-paosy.

POCHETTE, *sf.* Paosy kely.

PODAGRE, *adj.* et *s.* Mararin' ny gaotra.

POÊLE, *sm.* 1° Lamba fanao amy ny tranovorona. 2°—, Fatana famindroana. —, *sf.* Lapoaly, fanendasana.

POÊLON, *sm.* Lapoaly kely.

POÈME, *sm.* Tonon-kira lava.

POÉSIE, *sf.* 1° Fahaizana manao tononkira. 2°—, Tonon-kira. 3°—, Hafanampo, firehidrehitra. Ouvrage plein de—. Laha-teny an-tsoratra be *hafanam-po, mirehidrehitra.*

POÈTE, *sm.* et *adj.* Mpanao tonon-kira.

POÉTIQUE, *adj.* 1° Momba ny tononkira, fanao amy ny tonon-kira. 2°—, Be hafanam-po, mirehidrehitra.

POÉTIQUEMENT, *adv.* Araka ny fanao amy ny tonon-kira.

POÉTISER, *va.* Mampirehidrehitra. Il poétise son langage. *Mampirehidrehitra* ny laha-teniny izy.

POIDS, *sm.* 1° Havesarana. Le—de l'or. Ny *havesaran'* ny volamena. 2°—, Vato, lanja. Ces—ne sont pas justes. Tsy marina ireo *vato* ireo. Il fait bon —. Manao *lanja* marina izy. Le — n'y est pas. Tsy ampy ny *lanja.* 3°—, Tambesatra. Le — d'une horloge. Ny *tambesa*-pamantaranandro. 4° *fig.* Havesarana, fahasahiranana. Le peuple est écrasé sous le — des impôts. Poritra amy ny *havesaran'* ny hetra ny vahoaka. Ce monarque a soutenu seul le — de la guerre. Io mpanjaka io irery no nihandrinan' ny *fahasahiranana* avy tamy ny ady. 5°—, Hery, halehibe, fahendrena, hamalinana, fahamendrehana. Son exemple est d'un grand —. Be *hery* ny oha-pitondran-tena omeny. Cela est de si peu de —, qu'on ne doit pas y faire attention. Tsy dia *lehibe* loatra izany, ka tsy tokony hotandremana. Homme de —. Olon-*kendry, malina, mendrika,* mahatarika. Il fait toutes choses avec — et mesure. Manao ny zavatra rehetra amim-*pahendrena,* amim-*pahamalinana* izy. ‖ *loc.* Avoir deux — et deux mesures. Miangatra, mijery ila, mizaha tavan'olona. Vendre au — de l'or. Voy. Or.

POIGNANT, ANTE, *adj.* Mangidy. Douleur poignante. Alahelo *mangidy.*

POIGNARD, *sm.* 1° Lefom-pohy. 2° *fig.* Cette nouvelle me met le — dans le cœur. Mampangotikotika ny atiko loatra izany zava-baovao izany. Mettre à quelqu'un le — sur la gorge. Manao terivozona olona.

POIGNARDER, *va.* 1° Mamely amy ny lefom-pohy. 2° *fig.* Mampangotikotika ny aty.

Se poignarder, *vpr.* Mamono tena amy ny lefom-poby.

POIGNE, *sf.* Herin-tsandry. Il a de la —. Be *herin-tsandry* izy.

POIGNÉE, *sf.* 1° Eran-tanana ila, iray tánana. Donnez-moi une — de sel. Omeo sira *eran-tánana ila* aho. Une — de foin. Vilona *iray tánana.* 2° —, Fihazonana, fanintonana, taho, kiviro. La — d'un sabre. Ny *fihazonan*-tsabatra. — de porte. *Fanintonam*-baravarana. — de fer à repasser. *Tahom*-pera. Anneau servant de — à une porte. *Kivirom*-baravarana. 3° *fig.* Zavatra vitsy. Une — de soldats. Miaramila *vitsy.*

À poignée, *loc. adv.* Eran'ny tánana. Jeter de l'argent à —. Manipy vola *eran' ny tánana.*

POIGNET, *sm.* 1° Hato-tánana. 2° —, Loha tanan' akanjo.

POIL, *sm.* Volo, lay. Un chien à long —. Amboa lava *volo.* Il a beaucoup de — à la poitrine. Be *volon*-tratra izy. — follet. *Volom*-boatavo. Quel est le — de votre chien? Tahaka ny inona ny *volon'* alikanao? Drap à long —. Lopótra lava *volo.* Poils des raquettes. *Lain*-draiketra. ‖ *loc.* Monter un cheval à —. Mitaingin-tsoavaly tsy an-dasely.

POILU, UE, *adj.* Be volo, voloina, misy lay. Main poilue. Tánana *be volo, voloina.*

POINÇON, *sm.* 1° Fangirigirihana, fandoahana, tisokirana. 2° —, Fitomboka fanamarihana. 3° —, Andry an-taingina.

POINÇONNAGE, *sm.* Fanamarihana amy ny fitomboka.

POINÇONNER, *va.* Manamarika amy ny fitomboka. — des bijoux. *Manamarika* firavaka volamena na volafotsy *amy ny fitomboka.*

POINDRE, *vn.* Mangirana, mitsimoka. Le jour commence à —. Vao *mangiran*-dratsy ny andro. Les herbes commencent à —. Vao *mitsimoka* ny ahitra.

POING, *sm.* Totohondry, tánana. Se battre à coups de —. Mifamango *totohondry.* Mener quelqu'un pieds et poings liés. Mitondra olona mifatotra tongotra aman-*tánana.* Montrer le — à quelqu'un. Manambana *totohondry* olona.

POINT, *sm.* 1° Tevi-panjaitra, zojotra, zo-balala. Faites quelques points à cette chemise qui est décousue. *Tevitevcho, zojory* kely io akanjo lobaka tata-bitrana io. 2° —, *Point.* tendrin-tsoratra, vato, bompoa. Mettez les points et les virgules. Asio *points* sy komá avokoa. Mettez les points sur les *i.* Asio *tendriny* ny *i* rehetra. Il a eu cent bons points. Nahazo *bompoa* zato izy. Il a eu dix mauvais points. Maty *bompoa* folo izy. Combien avez-vous de points? Nahazo *vato* firy hianao? Je vous donne trois points d'avance. Omeko inga *vato* telo hianao. 3° —, Tanána, fitoerana, izay. Les efforts de l'ennemi se dirigèrent vers ce —. Ny fahavalo nikely aina mba hamely izany *tanána, fitoerana* izany. — de départ. *Izay* ialana, *izay* iandohana. — d'appui. *Izay* iankinana. — de vue. Voy. Vue. — culminant. Voy. Culminant. ‖ *loc.* — central. Foibe. Les points cardinaux. Ny vazan-tany efatra. Mettez cette longue-vue à votre —. Halavao na hafohezo araka izay ahitanao io masolavitra io. Ces lunettes ne sont pas à mon —. Tsy antonina ny masoko ity solomaso ity. 4° *fig.* Fizarana. Sermon à trois points. Toriteny misy *fizarana* telo. 5° —, Zavatra, zavatra lehibe indrindra, zavatra be vava. Éclaircir un — d'histoire. Manazava *zavatra* anankiray momba ny tantara. — capital. Voy. Capital. Vous ne touchez pas le — de la question. Tsy mikasika ny *zavatra lehibe indrindra, be vava* amin'izay dinihina hianao. 6° —, Toetra, ny tsara, ny antoniny. L'ouvrage en est resté au même —. Tsy niova *toetra* ny asa. Il est arrivé à un très haut — de perfection. Nahatratra *toe*-pahalavorariana ambony dia ambony izy. Le raisin est à son — de maturité. Efa masaka *tsara, antoniny* ny voaloboka. ‖ *loc.* — d'honneur. Voy. Honneur. Il est au plus haut — de sa gloire. Efa mby antampon' ny voninahitra, — amy ny fanaperana anarana izy. Il est malheureux au — de n'avoir pas de quoi manger. Fadiranovana loatra efa tsy manan-kohanina izy. Il est sur le — de partir. Efa, madiva hiainga izy. Dès le — du jour. Raha vao mangiran-dratsy, raha vao mazava ratsy. — de côté. Tevika, troaka.

À point, *loc. adv.* 1° Zara, saikinány, nataon' Andriamanitra. Vous venez à —, nous avons besoin de vous. *Zara,* etc., ka tonga hianao fa mila anao izahay. 2° —, Tsara, antoniny. De la viande cuite à —. Hena masaka *tsara,* etc.

À point nommé, *loc. adv.* 1° Araka ny fotoana. Le secours arriva à — nommé. Tonga *araka ny fotoana* ny vonjy. 2°

—, Zara, saikinany, nataon' Andriamanitra. Comme A POINT.

De point en point, *loc. adv.* Tsiairay, avokoa. Il m'a tout raconté de —. Notantarainy tamiko *tsirairay*, etc., ny zavatra rehetra.

De tout point, *loc. adv.* Indrindra. C'est un homme accompli de tout —. Olona lavorary *indrindra* izy.

Au dernier point, *loc. adv.* Izaitsizy. Il est malheureux au dernier —. Fadiranovana *izaitsizy* izy.

POINT, *adv.* de *nég.* 1° Tsy. Il n'a — d'argent. *Tsy* manam-bola izy. 2°—, Tsy misy. — d'homme plus méchant que lui. *Tsy misy* olona sompatra tahaka azy.

POINTAGE, *sm.* Fikendrena.

POINTE, *sf.* 1° Tendro, loha. La — d'une épée. Ny *tendron*-tsabatra, *loha* sabatra. La — d'une aiguille. Ny *loha* fanjaitra. La — d'un clocher. Ny *tendron'* ny tranon-dakolosy. 2°—, Tanjona. 3°—, Fantsi-bazaha. 4°—, Fisokirana. 5° *fig.* Il partit à la — du jour. Lasa raha vao nangiran-dratsy, raha vao nazava ratsy izy. Dire des pointes. Manao ankamantatra, — ankanonona, — fampanonona, miady hevitra foana. Il y a dans ses paroles une — d'ironie. Misy fanarabiana kely, — kihaihay ny teniny.

En pointe, *loc. adv.* Marani-doha, kitso loha. Montagne qui se termine en —. Tendrombohitra *marani-doha*, etc.

POINTER, *va.* 1° Manindrona amy ny loha sabatra. 2°—, Mikendry, mampanandrify. — un canon contre un navire. *Mikendry* sambo amy ny tafondro, *mampanandrify* tafondro amy ny sambo. 3°—, Manisy hirigirika, mangirigirika.

—, *vn.* Vao mangiran-dratsy, vao mazava ratsy. Le jour pointe. *Vao mangiran-dratsy*, etc., ny andro.

POINTILLAGE, *sm.* Famentimpentenana, pentimpentina, fipentimpentina.

POINTILLÉ, ÉE, *adj.* Mipentimpentina, voa sokitsokitra. Plumage blanc — de noir. Volom-borona fotsy *mipentimpentina* mainty.

—, *sm.* Fipentimpentina, fisokitsokitra.

POINTILLER, *vn.* 1° Mamentimpentina, misokitsokitra. 2° *fig.* Miady hevitra foana. Il ne fait que —. *Miady hevitra foana* mandrakariva izy.

—, *va.* Manindrona amy ny teny, manory. Vous le pointillez sur tout. *Manindrona* azy mandrakariva amy ny teny hianao, *sorisorenao* amy ny zavatra rehetra izy.

Se pointiller, *vpr.* Mifanindrona amy ny teny, mifanory amy ny zavatra madinika.

POINTILLERIE, *sf.* Teny manindrona, fifanjihirana amy ny zavatra tsinontsinona.

POINTILLEUX, EUSE, *adj.* Tia ady hevitra foana, sarotsarotiny, kiankianina.

POINTU, UE, *adj.* 1° Marani-doha, kitso loha, mitsilotsilo, mipilopilo, tsoky, miloha lefona. Bâton —. Tehina *marani-doha, kitso loha*. Aiguille bien pointue. Fanjaitra *mitsilotsilo, mipilopilo*. Il a le bec —. *Tsoky* vava izy. Feuille pointue. Ravina *marani-doha, kitso loha, miloha lefona*. 2° *fig.* Il a l'esprit —. Tia ady hevitra foana izy.

POIRE, *sf.* 1° Karazam-boankazo. 2°— à poudre. Fitoeram-banjan' ny mpitifitra. 3° *fig.* Garder une — pour la soif. Manan-kantenaina hoatra an-dRafotsibe nandevina eranambatry.

POIREAU ou **POIRREAU,** *sm.* 1° Karazan-tongolobe. 2°—, Kambo.

POIRIER, *sm.* Foto-*poire*.

POIS, *sm.* Pitipoa. — verts. *Pitipoa* tanora.

POISON, *sm.* 1° Poizina. 2° *fig.* Poizina, fahavalo. Un mauvais livre est un — dangereux. *Poizina*, etc., mampidi-doza ny boky ratsy.

POISSARD, ARDE, *adj.* Tsy manjary, tsy mendrika. Chanson poissarde. Tonon-kira *tsy manjary*, etc.

—, *sf.* 1° Vehivavy mpivarotra hazandrano. 2°—, Vehivavy tsy misy hajany, — mpidaondaona.

POISSER, *va.* Manisy *poix*.

POISSON, *sm.* Hazandrano.

POISSONNAILLE, *sf.* Zana-kazandrano.

POISSONNEUX, EUSE, *adj.* Be hazandrano. Rivière poissonneuse. Renirano *be hazandrano*.

POISSONNIER, IÈRE, *s.* Mpivarokazandrano.

POITRAIL, *sm.* Tratran-tsoavaly.

POITRINAIRE, *adj.* Kitratraina, marary tratra, marary avokavoka.

POITRINE, *sf.* Tratra, avokavoka. Il a une — large. Be *tratra* izy. Il est malade de la —. Marary *tratra*, etc., izy.

POIVRE, *sm.* Dipoavatra, voamperifery.

POIVRER, *va.* Manisy dipoavatra, manisy voamperifery.

POIVRIER, *sm.* Tsimperifery, tsimahalatsaka.

POIVRIÈRE, *sf.* Fitoeran-dipoavatra.

POIX, *sf.* Ditin-kazo avy amy ny hazo *pin* na *sapin.*

POLAIRE, *adj.* Amy ny poly. Étoile —. Kintana any *amy ny poly.* Mer —. Ranomasina any *amy ny poly* avaratra.

PÔLE, *sm.* Poly.

POLÉMIQUE, *adj.* Momba ny ady hevitra an-tsoratra. Style —. Laha-teny *fanao amy ny ady hevitra an-tsoratra.*

—, *sf.* Ady hevitra an-tsoratra.

POLI, IE, *adj.* 1° Malambolambo. malama. Acier —. Tsy *malambolambo,* etc. 2° *fig.* Mahay manaja, mahalala fomba, mirindra. Homme —. Olona *mahay manaja, mahalala fomba.*

—, *sm.* 1° Halambolambo, halama. 2° *fig.* Firindra.

POLICE, *sf.* Polisy, fiambenana. La — est bien faite dans cette ville. Vita tsara ny *polisy,* etc., amin' ity tanána ity. Agent de —. *Polisy.* || *loc.* Salle de —. Tranomaizina fanasaziana miaramila. Tribunal de — correctionnelle. Fitsarana momba ny heloka madinika.

POLICER, *va.* Mampahendry. — un peuple. *Mampahendry* firenena.

Se policer, *vpr.* Mihahendry.

POLICHINELLE, *sm.* 1° Sariolona manan-trafo hetsiketsehina. 2° *fig.* C'est un vrai —. Tena kapotsaka, haraukana izy. Le secret de —. Ny zavatra fantatry ny olona rehetra.

POLIMENT, *adv.* Amim-panajana. Parler —. Miteny *amim-panajana.*

POLIR, *va.* 1° Mandambolambo, mandama, manampaly. — à l'émeri. *Mandambolambo,* etc., amy ny ampaly fasika. 2° *fig.* Mampahendry, mandrindra. L'étude polit les esprits. Ny fianarana *mampahendry* ny olona. — un discours. *Mandrindra* laha-teny.

POLISSABLE, *adj.* Azo lambolamboina, azo lamaina, azo ampalesina.

POLISSAGE, *sm.* Fandambolamboana, fandamána, fanampalesana.

POLISSEUR, EUSE, *s.* Mpandambolambo, mpandama, mpanampaly.

POLISSOIR, *sm.* Fandambolamboana, fandamána, ampaly, fanampalesana.

POLISSON, ONNE, *s.* Amboafitritra, katritra, batritra, olona tsy ampoka, — tsy manjary, — vetaveta.

—, *adj.* Tsy ampoka, tsy manjary, mialikalika, fotsy fanahy.

POLISSONNER, *vn.* Mitritratritra, mialikalika, miangiangy.

POLISSONNERIE, *sf.* Fitritratritrana, fialikalikana, fiangiangiana.

POLITESSE, *sf.* Fanajana, fahaizamanaja, fahalalana fomba. J'ai reçu de lui beaucoup de politesses. Nampiseho *fanajana* lehibe tamiko izy.

POLITIQUE, *adj.* 1° Momba ny fitondram-panjakana. Discours —. Laha-teny *momba ny fitondram-panjakana.* 2° *fig.* Hendry, malina, fetsy, be politika. Il est — dans tout ce qu'il fait. *Hendry,* etc., amy ny zavatra rehetra ataony izy. Sa conduite a été très —. Nanao amim-*pahendrena,* amim-*pahamalinana,* amin-*kafetsena* izy.

—, *sm.* Mpahalala ny fitondram-panjakana.

—, *sf.* 1° Fitondram-panjakana, fahaizana mitondra fanjakana. 2° *fig.* Fahendrena, fahamalinana, hafetsena, politika.

POLITIQUEMENT, *adv.* 1° Araka ny fahaizana mitondra fanjakana. 2° *fig.* Amim-pahendrena, amim-pahamalinana, amin-kafetsena.

POLITIQUER, *vn.* Mandinika ny momba ny fitondram-panjakana.

POLLEN, *sm.* Vovo-boninkazo.

POLLUER, *va.* Mametavota, mandoto. — une église. *Mametavota,* etc., trano leglizy.

POLLUTION, *sf.* Fametavetana, fandotoana.

POLTRON, ONNE, *adj.* et *s.* Osatsy, kanosa. Voy. LACHE.

POLTRONNERIE, *sf.* Fahosana, hakanosa.

POLYÈDRE, *sm.* Zavatra maro lafy.

POLYGAME, *s.* Mpampirafy.

POLYGAMIE, *sf.* Fampirafesana.

POLYGLOTTE, *adj.* Amy ny fiteny samihafa. Bible —. Baiboly *amy ny fiteny* samihafa.

—, *sm.* Mpahay fiteny samihafa.

POLYGONE, *sm.* 1° Zavatra maro zoro sady maro lafy. 2° —, Kianja ianarana' ny rainiolona.

POLYPE, *sm.* Bibin-karan-dranomasina.

POLYSYLLABE, *adj.* et *sm.* Teny misy vakiteny maro.

POLYSYLLABIQUE, *adj.* Misy vakiteny maro.

POLYTECHNIQUE, *adj.* École—. Trano fianarana ho any ny *ingénieur*, etc.

POLYTHÉISME, *sm.* Fanaovana andriamanitra ho maro, fanompoan-tsampy.

POLYTHÉISTE, *s.* Mpanao andriamanitra ho maro, mpanompo sampy.

POMMADE, *sf.* Lakomadina, menaka fihosorana.

POMMADER, *va.* Manesotra lakomadina.

Se pommader, *vpr.* Mihosotra lakomadina.

POMME, *sf.* 1° Paoma. 2°—. Atody, kibory. Une—de choux. *Atody, kiborin*-daisoa. La — d'une canne. Ny *kiborin*-tehina. ‖ *loc.* —de terre. Ovimbazaha. — d'amour. Voatabiha, angilom-bazaha. — d'arrosoir. Maharotsingala, masoarivo amy ny siny vifotsy. 3° *fig.* —de discorde. Fototra mampiady.

POMMÉ, ÉE, *adj.* 1° Misy atody, misy kibory. 2° *fig.* Tena. Une sottise pommée. *Tena* hadalana.

POMMEAU, *sm.* Kiborim-body sabatra.

POMMELÉ, ÉE, *adj.* 1° Manao torimboanjo, mamboly voanjo. Ciel —. Lanitra *manao torim-boanjo*, etc. 2° —, Voanjomanga. Cheval—. Soavaly *voanjomanga*.

POMMELER (SE), *vpr.* 1° Manao torim-boanjo, mamboly voanjo. 2°—, Mihavoanjomanga.

POMMELLE, *sf.* Maharotsingala, masoarivo.

POMMER, *vn.* Manatody, misy kiboriny.

POMMETTE, *sf.* 1° Taolan-tava, tendron-tava. 2°—, Kiborin-javatra atao haingo.

POMMIER, *sm.* Foto-paoma.

POMPE, *sf.* 1° Voninahitra, rehareha. Marcher en grande—. Mandeha amim-*boninahitra* lehibe. Il fuit la—. Tsy tia *rehareha* izy. 2° *fig.* Renty. La— du style. Ny *rentin*-daha-teny. 3°—, *pl.* Fireharehana. Renoncer au monde et à ses pompes. Mandá an'izao tontolo izao sy ny *fireharehany* rehetra.

POMPE, *sf.* Pompa, fampakaran-drano. basirano famonjena hain-trano. — à incendie. *Basirano famonjena hain-trano.*

POMPER, *va.* 1° Mampaka-drano amy ny pompa, manaiso-drivotra ao anaty giloby. 2° *fig.* Mifoka. Le soleil pompe la rosée. Ny hainandro *mifoka* ny ranonando.

—, *vn.* Mampiasa pompa.

POMPEUSEMENT, *adv.* 1° Amim-boninahitra, amin-drehareha. 2° *fig.* Aminkaingo.

POMPEUX, EUSE, *adj.* 1° Be voninahitra, be rehareha. 2° *fig.* Be renty, be haingo. Style —. Laha-teny *be renty*, etc.

POMPIER, *sm.* 1° Mpanao pompa. 2°—. Mpamonjy hain-trano amy ny basirano.

POMPON, *sm.* 1° Sahondran-tsatroky ny miaramila. 2°—, Vonan-dribá fanao haingo.

POMPONNER, *va.* Mampihaingo, mandravaka. — un enfant. *Mampihaingo*, etc., zaza kely.

Se pomponner, *vpr.* Mipitsopitsoka.

PONCE, *sf.* Karazam-batonakoho, vato trafonomby.

PONCEAU, *sm.* Tetezan-kely.

PONCER, *va.* Mandama amy ny vatonakoho.

PONCTION, *sf.* Fanesoran-drano ao anaty vatana.

PONCTUALITÉ, *sf.* Fanaraham-potoana. Il est d'une extrême —. *Manara-potoana* mahagaga izy.

PONCTUATION, *sf.* Fijanonan-tsoratra.

PONCTUEL, ELLE, *adj.* Manara-potoana, tsy diso fotoana.

PONCTUELLEMENT, *adv.* Araka ny fotoana.

PONCTUER, *va.* Manisy fijanonan-tsoratra.

PONDÉRABLE, *adj.* Azo lanjaina.

PONDÉRATION, *sf.* Fifandanjana. — des pouvoirs. *Fifandanjan'* ny fahefana samihafa amy ny fanjakana.

PONDÉRER, *va.* Mampifandanja fahefana.

PONDEUSE, *adj.* et *sf.* Manatody. Poule—. Akoho *manatody*.

PONDRE, *va.* Manatody.

PONEY, *sm.* Soavaly ponia.

PONT, *sm.* 1° Tetezana. — levis. *Tete-*

zana amy ny hady azo engaina. — tournant. *Tetezana* mahazo mihodina. — de bateaux. *Tetezana* atao ambonin' ny lakana maro, kidóna. 2° —, Rihan-tsambo, tokotanin-tsambo. Navire à deux ponts. Sambo misy *rihana* roa. Monter sur le —. Miakatra amy ny *tokotanin-tsambo.*

PONTE, *sf.* Fanatodizana.

PONTÉ, ÉE, *adj.* Misy rihana. Navire —. Sambo *misy rihana.*

PONTER, *va.* Manisy rihana ny sambo.

PONTIFE, *sm.* 1° Mpisorona. Le grand — des Hébreux. Ny *mpisorom-be* tamy ny Jody. 2° —, Evoka, papa. Le souverain —. Ny *papa.*

PONTIFICAL, ALE, *adj.* Any ny eveka, any ny papa. Habits pontificaux. Akanjo fanamian' *ny eveka, ny papa.*

PONTIFICAL, *sm.* Boky misy ny fombam-pivavahana fanaon' ny eveka.

PONTIFICALEMENT, *adv.* Amy ny seremonia sy ny akanjo fanamian' ny eveka.

PONTIFICAT, *sm.* 1° Fiandrianan' ny papa. 2° —, Andro anjakan' ny papa.

PONTON, *sm.* 1° Zahatra fampitana ny mpiantafika. 2° —, Sambo tranaina nametrahana ny sambo-belona taloha.

PONTONNIER, *sm.* Miaramila mpanao zahatra hitan' ny mpiantafika.

POPULACE, *sf.* Bozaka aman' ahitra, valalabemandry.

POPULACIER, IÈRE, *adj.* Any ny bozaka aman' ahitra, any ny valalabemandry.

POPULAIRE, *adj.* 1° Any ny vahoaka. Opinion —. Hevitry *ny vahoaka.* Gouvernement —. Fanjakana entim-*bahoaka.* 2° —, Tiam-bahoaka, mamy hoditra amim-bahoaka. Roi —. Mpanjaka *tiambahoaka,* etc.

POPULAIREMENT, *adv.* Araka ny fanaon' ny vahoaka.

POPULARISATION, *sf.* Fampielezana amy ny vahoaka.

POPULARISER, *va.* Mampiely amy ny vahoaka. — la science. *Mampiely* fahaizana *amy ny vahoaka.*

Se populariser, *vpr.* 1° Miely amy ny vahoaka. 2° —, Mihamamy hoditra amy ny vahoaka.

POPULARITÉ, *sf.* Hamamian-koditra amim-bahoaka. Chercher la —. Mitady *hamamian-koditra amim-bahoaka,* mila sitraka *amim-bahoaka.*

POPULATION, *sf.* 1° Isan'ny mponina. La — de la France est de plus de trente huit millions. Mihoatra ny valo amby telopolo tapitrisa ny *isan' ny mponina* any Frantsa. 2° —, Ny mponina amy ny tanàna iray. La — vint au-devant de lui. Nitsena azy *ny mponina tao antanàna.*

POPULEUX, EUSE, *adj.* Be mponina. Pays —. Tany *be mponina.*

PORC, *sm.* 1° Kisoa, lamboresy. 2° —, Henan-kisoa, lambo. — frais. *Henan-kisoa* vaovao. — salé. *Lambo* sira.

PORCELAINE, *sf.* Porosolaina.

PORC-ÉPIC, *sm.* Trandraka.

PORCHE, *sm.* Alo-baravarana. Le — d'une église. Ny *alo-baravaran'* ny trano leglizy.

PORCHER, ÈRE, *s.* Mpiandry kisoa.

PORCHERIE, *sf.* Tranon-kisoa.

PORE, *sm.* Loadoaka madinika tsy hita maso amy ny hoditra, loadoaka amy ny tenan-javatra.

POREUX, EUSE, *adj.* Misy loadoaka.

PORPHYRE, *sm.* Vatosoa mena.

PORT, *sm.* 1° Fitodian-tsambo, seranana. 2° *fig.* Il est arrivé à bon —. Tonga soa aman-tsara izy. Il est arrivé au —. Mby ao amy ny fialan-tsasatra izy.

PORT, *sm.* 1° Entana zakan' ny sambo anankiray. Ce navire est du — de cent tonneaux. Zato tona no *entana zakan'* io sambo io. 2° —, Karaman' ny fitondran-javatra. Payez le — de ces lettres. Aloavy ny *karaman'* ny *fitondrana* ireo taratasy ireo. 3° —, Endrika, toetra. Il a un — majestueux. *Miendrika, mitoetr'* andriana izy, maorona izy.

PORTABLE, *adj.* Azo entina. Cet habit est encore —. Mbola *azo entina* ity akanjo ity.

PORTAGE, *sm.* Fitondrana.

PORTAIL, *sm.* Varavaram-be lehibe amy ny trano leglizy, vavahady lehibe.

PORTANT, ANTE, *adj.* Il est bien —. Salama izy. Elle est toujours mal portante. Farofy lava izy. Tirer à bout —. Mitifitra an-tomotra, — mitohoka. Dire quelque chose à bout —. Mamely akaiky.

PORTATIF, IVE, *adj.* Mora entina. Livre —. Boky *mora entina.*

PORT-D'ARMES, *sm.* 1° Fahazoan-dàlana hitifitra. Il a le —. *Nahazo làlana hitifitra* izy. 2° —, Sapaocifra.

PORTE, *sf.* 1° Varavaram-be, vavahady. — de derrière. *Varavaram-be* ao ivohon' ny trano ; *fig.* izay ihodivirana, izay ialana. Les portes d'une ville. Ny *varahadin'* ny tanána. — cochère. *Vavahady* fampidiran-kalesy. 2° *fig.* On lui refusa la —. Tsy navela hiditra izy. Il est logé à ma —. Mifanolo-bodirindrina amiko izy. L'ennemi est à nos portes. Mby akaikin' ny tanána ny fahavalo. Mettre quelqu'un à la —. Mandroaka olona. Passez-moi la —. Mandehana any, mivoaha any. Il a frappé à toutes les portes. Nangataka tamy ny olona rehetra mba hanampy azy amin' izany izy. Il est entré par une bonne —. Tsara ny nidirany tamy ny raharahany. Il est sorti par une mauvaise —. Ratsy fiala tamy ny raharahany izy. Il trouva — close. Tsy navela hiditra tao an-trano izy. Toutes les portes lui sont ouvertes. Isaky ny trano idirany tsy misy manavao azy. La ville ouvrit ses portes au vainqueur. Nalaky nanoa ny mpandresy ny tanána. La — des emplois lui est fermée. Tsy mahita raharaha hidirana izy. Être aux portes du tombeau. Mby ambavahoana.

De porte en porte, *loc. adv.* Isam-baravarana. Aller de — en —. Mitety *isambaravarana.*

PORTÉ, ÉE, *adj.* Mitongilana, mora manaraka, mora, malaky. Comme Enclin.

PORTE-AIGUILLE, *sm.* Fitoerampanjaitra.

PORTE-BAGUETTE, *sm.* Fitoerandramiraja.

PORTE-CIGARES, *sm.* Fitoeran-tsigara.

PORTE-CLEFS, *sm.* 1° Mpitam-panalahidy. 2°—, Rojo na masom-by fitohizana laklé maro.

PORTECRAYON, *sm.* Tranom-pensily.

PORTE-CROIX, *sm.* Mpitondra hazofijaliana.

PORTE-CROSSE, *sm.* Mpitondra ny tehin' ny eveka.

PORTE-DRAPEAU, *sm.* Mpitantsaina.

PORTÉE, *sf.* 1° Zana-biby indray miteraka. Il y a des chiennes qui font jusqu'à neufs chiens en une —. Indraindray misy hatramy ny sivy ny *zanak' alika indray miteraka.* 2°—, Ny takatra, ny tratra. S'avancer à la — du fusil. Mandroso ao amin' *izay takatra, tratry* ny basy. Il n'y a qu'une — de fusil d'ici au palais. Tokony ho indray *takatra, tra*-basy hatreto sy hatreo amy ny rova. Cela n'est pas à la — de ma vue. Tsy *takatra,* tsy *tratry* ny masoko izany. Cette poutre plie dans le milieu, parce qu'elle a trop de —. Miletsy ny afovoan' io sakamandimby io, fa lavitra loatra *ny takany, ny tratrany.* 3° *fig.* Ny takatry ny saina, ny tratry ny saina, ny mifanandrify. Cela est audessus de ma —. Tsy *takatry ny saiko,* tsy *tratry ny saiko* izany. Sa dépense est au-dessous de sa —. Tsy *mifanandrify* amy ny hareny ny laniny. 4° —, Ny heviny, ny alehany. Il n'a pas senti la — de ce qu'il disait. Tsy nahita *ny hevitra, ny nalehan'* ny teniny izy.

PORTE-ÉTENDARD, *sm.* Mpitantsaina.

PORTEFAIX, *sm.* Mpitondra entana.

PORTEFEUILLE, *sm.* 1° Kotra fasian-taratasy, poketra boky. Le — d'un négociant. Ny *kotra fasian'*ny mpivarotra *taratasy.* —de poche. *Poketra boky.* 2° *fig.* Raharahan' ny minisitra Il a accepté le — des affaires étrangères. Nanaiky hanao *raharahan'ny ministra* amy ny vahiny izy.

PORTE-MALHEUR, *sm.* Fambara loza.

PORTEMANTEAU, *sm.* Fihantonana akanjo.

PORTEMENT, *sm.* — de croix. Sarin' ny Jeso-Kristy mitondra ny hazo-fijaliana.

PORTE-MONNAIE, *sm.* Poketra.

PORTE-MONTRE, *sm.* Fitoeram-pamantaranandro.

PORTE-MOUCHETTES, *sm.* Fitoeran-ketin-jiro.

PORTE-PLUME, *sm.* Tahom-plimo, tahom-penina.

PORTER, *va.* 1° Mitondra, manatitra, mitaona, mitatitra, miloloha, mibaby, mitrotro, mivimbina, mitsintsina, misakelika, misakobona, milanja, manao antsangory, manao antonory, mitakona. — une lettre à quelqu'un. *Mitondra, manatitra* taratasy amin'olona.— du fumier dans les rizières pendant toute la journée. *Mitaona, mitati*-jezika eny an-tanimbary mandritra ny andro. Il porte un habit en drap. *Mitondra* akanjo lo.

pótra izy. Il ne porte jamais d'argent sur lui. Mandrakariva tsy *mitondra* vola eny aminy izy. Il porte le deuil. *Mitondra* alahelo izy, misaona izy. —sur la tête. *Miloloha.*— sur le dos. *Mibaby.* —dans ses bras. *Mitrotro.* — à la main. *Mivimbina.* —à la main en nageant. *Mitsintsin*-javatra raha milomano. —sous le bras, — sous l'aisselle. *Misakelika.* — sous le *lamba. Misakobona.* —sur les épaules. *Milanja.* —un enfant sur son épaule. *Manao antsangory* zaza. —un paquet attaché au bout d'un bâton. *Manao antonery.* — quelqu'un en chaise à porteur. *Milanja* olona amy ny filanjana. —une grosse pierre à huit, à douze. *Mitakona* vato. ‖ *loc.* — la tête haute. Miandranandrana. — les pieds en dehors. Mitsivaka. —un coup. Mamely, mahavoa. — un coup d'épée. *Mamely, mahavoa* amy ny sabatra. 2°—, Manana, manao, manopy. — la barbe. *Manam*-bolombava. — perruque. *Manao* solovolo. — les armes à quelqu'un. *Manao* sapaoritra olona. — ses regards sur quelqu'un. *Manopy* maso olona, mijery olona. 3°—, Mamindra, manalava. Il faut — ce mur plus loin. Tsy maintsy *hafindra* lavidavitra kokoa, *hohalavaina* kokoa io ampiantany io. 4°—, Mahavokatra, mamoa. Cette terre ne porte pas de blé. Tsy *mahavokatra* varim-bazaha izany tany izany. Cet arbre porte de bons fruits. *Mamoa* voa tsara io hazo io. 5° *fig.* Mitaona, mitarika. Ses amis l'ont porté à agir ainsi. *Nitaona, nitarika* azy hanao izany ny sakaizany. 6°—, Mitondra, mampiely, mampahita, mahatonga, miteraka. Il porta la guerre dans l'Asie. *Nitondra* ady tany Azia izy. Ses exploits ont porté sa gloire jusqu'aux extrêmités du monde. Ny herim-po nasehony *nampiely* ny voninahiny hatramy ny fara vazan-tany. Cela m'a porté bonheur. *Nampahita* soa ahy izany. — malheur. *Mampahita, mahatonga* loza, *miteradoza.* Cette somme porte intérêt. *Miteraka* izany vola izany. 7°—, Mifidy, manoratra, milaza, mampiseho, misy. — un candidat. *Mifidy* olona. — un article sur un registre. *Manoratra* zavatra ao amy ny boky. L'ordonnance porte que.... Ny didy-*milaza* fa.... Il porte en toutes choses un grand esprit de justice. *Mampiseho* fahamarinana mahagaga amy ny zavatra rehetra izy. Il porte la tristesse peinte sur son visage. *Misy* alahelo mischo amy ny tarehiny. 8°—, Miaritra, mitondra, faizina, valiana, mi.. — le poids du jour et de la chaleur. *Miaritra* ny herin' ny hainandro sy ny hafanana. Il porte la peine de son crime. *Mitondra* ny valin' ny heloka nataony izy. Il ne le portera pas loin. Tsy ho ela dia *hofaiziko, hovaliako* noho izany izy. —envie. *Mialona.* —un jugement. *Mitsara.* ‖ *loc.* —coup. Mahavoa, mahomby. Toutes ses paroles portent coup. *Mahavoa, mahomby* ny teniny rehetra. — un beau nom. Avo razana. —quelqu' un aux nues. Midera olona izaitsizy. — un toast. Miarahaba olona amy ny fisotroana.

—, *vn.* 1° Miankina, mihandrina. La poutre porte sur la colonne. Ny sakamandimby *miankina*, etc., amy ny andry. 2°—, Mahatakatra, mahatratra, mahalasa, mahavoa. Ce canon porte très loin. *Mahatakatra, mahatratra, mahalasa* lavitra io tafondro io. Le coup de fusil a porté juste. *Nahavoa* ny basy. 3° *fig.* Antony, aleha. Sur quoi porte cette observation ? Inona no *anton'* izany teny izany ? Aiza no *alehan'* izany teny izany ?

Se porter, *vpr.* 1° Mandeha, mifindra, mankany, mirohotra. L'armée se porta sur la frontière. *Nandeha, nifindra* any amy ny sisin-tany, *nankany* amy ny sisin-tany ny tafika. La foule se porte dans les temples. *Mirohotra* ho any antrano fiangonana ny vahoaka. 2°—, Misondrotra. Le sang se porte à la tête. *Misondrotra* any an-doha ny ra. 3°—, Manao. Il se porte avec ardeur à tout ce qu'il fait. *Manao* amim-paharisihana izay rehetra ataony izy. Comment vous portez-vous? *Manao* ahoana hianao? akory izato izy? ‖ *loc.* Se—bien. Salama. Se — mal. Marary. Il ne se porte pas trop bien. Marisarisa izy. Il se porte mieux. Tsaratsara kokoa izy. Se—pour garant. Miantoka.

PORTEUR, EUSE, *s.* Mpitondra entana, mpitondra taratasy, mpilanja, mpantsaka. — d'eau. *Mpantsaka.*

PORTE-VOIX, *sm.* Zavatra fampitampeo.

PORTIER, IÈRE, *s.* Mpiandry varavarana, mpiandry vavahady.

PORTIÈRE, *sf.* Varavaran-kalesy.

PORTION, *sf.* Anjara, anjara hanina. Portions égales. *Anjara* mitovy. Chacun a sa —. Samy nahazo *anjara hanina.*

PORTIQUE, *sm.* Alo-baravarana, trano heva. Le – d'un temple. Ny *alo-ba-*

ravaran' ny trano leglizy. La place est entourée de portiques. Hodidinin' ny *trano heva* ny tokotany.

PORTRAIT, *sm.* 1° Sarin' olona. 2° *fig.* Fitovian' endrika. Cette fille est le — de sa mère. *Mitovy endrika* amin-dreniny, reniny navela teo io zazavavy io. 3°—, Filazan-toetra. Je vais vous faire son —. *Holazaiko* aminao ny *toetrany.*

POSAGE, *sm.* Fametrahana, fandatsahana. Payez-moi le—des tuyaux. Aloavy ny karaman' ny *nametrahako* ny fantsona.

POSE, *sf.* Fandatsahana. La—des grandes pierres est difficile. Sarotra ny *fandatsahana* ny vato makadiry. 2°—, Fitoetra, fipetraka. J'aime la —de ce portrait. Tiako ny *fitoetra, fipetrak'* ilay olona ao amy ny sary.

POSÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Voapetraka, napetraka, tafapetraka, mipetraka, nalatsaka, tafalatsaka. 2° *fig.* Voalaza, nolazaina, voafetra, noferana. La question est mal posée. Tsy *voafetra* tsara ny zavatra dinihina. 3°—, Mihaminkamina, maotona. Homme —. Olona *mihaminkamina,* etc.

POSÉMEMT, *adv.* Maotona, miadana. Il marche—. *Maotona, miadam*-pandeha izy.

POSER, *va.* 1° Mametraka, mandatsaka. Posez cela sur la table. *Apetraho* eo ambony latabatra izany.—la première pierre d'une église. *Mandatsaka* ny vato voalohany amy ny trano leglizy.— les armes. *Mametraka* fiadiana. Je pose 7 et retiens 1. 7 no *apetrako* ary 1 mandeha. 2° *fig.* Milaza, mametra. Je pose cela comme un fait certain. Izaho *milaza* izany ho zavatra tsy misy isalasalana.

—, *vn.* 1° Miankina, mihandrina. Cette poutre pose sur le mur. *Miankina,* etc., amy ny rindrina io sakamandimby io. 2°—, Mipetraka. Il a posé deux heures devant le peintre. *Nipetraka* adimpamantaranandro roa teo anatrehan' ny mpanao sary izy. 3° *fig.* Mihagohago toetra.

Se poser, *vpr.* Mipetraka.

POSEUR, *sm.* 1° Mpametraka, mpandatsaka. 2° *fig.* Mpihagohago toetra.

POSITIF, IVE, *adj.* 1° Tsy misy isalasalana. Cela est—. *Tsy misy isalasalana* izany. 2°—, Tsy tia afa-tsy ny tsy misy isalasalana. Homme—. Olona *tsy tia afa-tsy ny tsy misy isalasalana.*

—, *sm.* Ny tsy misy isalasalana. Il n'aime que le—. Tsy tia afa-tsy *ny tsy misy isalasalana* izy.

POSITION, *sf.* 1° Fitoerana, fipetrahana, toerana, fitoetra, fipetraka. Je n'aime pas la—de ce bâtiment. Tsy tiako ny *itoerana,* ny *ipetrahana,* ny *toeran'* itsy trano itsy. La—du soldat sous les armes. Ny *fitoetra,* ny *fipetraky* ny miaramila mitam-basy. L'armée prit— sur une éminence. Naka *toerana* tamy ny havoana ny tafika. 2° *fig.* Toetra. Sa —est embarrassante. Sahirankirana ny *toetrany.*

POSITIVEMENT, *adv.* 1° Marina tokoa. 2°—, Indrindra. Voilà—ce qu'il m'a dit. Izany *indrindra* no voalazany tamiko.

POSSÉDÉ, ÉE, *s.* Ny azon' ny demony.

—, *adj.* Azo. Un homme—du démon. Olona *azon'* ny demony.

POSSÉDER, *va.* 1° Manana.—une maison. *Manan*-trano. 2° *fig.* Mahay. Il possède le latin. *Mahay* fiteny latina izy. 3°—, Mahazo. L'ambition possède la plupart des hommes. *Azon'* ny fitsiriritamboninahitra ny ankabiazan'ny olona.

Se posséder, *vpr.* Mahatam-po, mahafehy tena, mahatsindry fo. Le sage se possède toujours. Ny olon-kendry *mahatam-po,* etc., mandrakariva. Il ne se possède pas de joie. Tsy *mahatsindry* ny hafaliany izy.

POSSESSEUR, *sm.* Tompo, mpanana. Il en est—de longue main. *Tompony, mpanana* azy izay ela izay izy.

POSSESSIF, IVE, *adj.* Milaza ny tompon' ny zavatra lazaina. Pronom—. Pronaona *milaza ny tompon' ny zavatra lazaina.*

POSSESSION, *sf.* 1° Fananana, fahazahana. Il est en—d'une belle maison. *Manan*-trano tsara tarehy izy. Il a pris —de l'héritage. Nanombòka *nahazaka* ny lovany izy. 2°—, Fahazoan' ny demony ny olona. 3°—, *pl.* Tany ananana. Les possessions françaises. Ny *tany ananan'* ny fanjakana frantsay.

POSSIBILITÉ, *sf.* Ny ahazoana atao,— heverina.

POSSIBLE, *adj.* Azo atao, azo heverina, tratry ny aina. Cela est difficile, mais cependant—. Sarotra izany, kanefa *azo atao.* Il a éprouvé tous les malheurs possibles. Azon' ny fahoriana rehetra

izay *azo heverina* izy. Venez le plus tôt—. Avia haingana araka izay *azonao atao*, araka izay *tratry ny ainao*.

—, *sm*. Izay azo atao, izay tratry ny aina. Il a fait son —. Nanao *izay azony natao, izay tratry ny ainy* izy.

POSTAL, ALE, *adj*. Momba ny posta. Convention postale. Fanekena *momba ny posta*.

POSTE, *sf*. 1° Soavaly mipetraka amy ny vohitra samihafa ka ampifandiasina mba hitondra olona. 2°—, Trano ipetrahan' ny soavaly ampifandiasina. 3° —, Posta, fampitondran-taratasy amy ny vohitra samihafa, mpitondra taratasy amy ny vohitra samihafa, trano fampitondran-taratasy.

POSTE, *sm*. 1° Fitoerana, fipetrahana, toerana. On força les ennemis dans leur —. Noroahina tao amy ny *nitoerany, nipetrahany* ny fahavalo. C'est un — dangereux. *Fitoerana, toerana* mahatahotra izany. 2°—, Tranon' ny mpiambina, mpiambina. Il se rend au —. Mankany amy ny *tranon' ny mpiambina* izy Relever le —. Manolo ny *mpiambina*. 3° *fig*. Raharaha, izay tsy maintsy ipetrahana. Il occupe un — élevé. Manan-*draharaha* ambony izy. Il est à son —. Ao amin' *izay tsy maintsy ipetrahany* izy.

POSTER, *va*. Mametraka.

Se poster, *vpr*. Mipetraka, maka toerana. Il se posta à l'entrée de la forêt pour attendre le sanglier. *Nipetraka* tao ambava ala izy mba hiandry ny lambo. L'ennemi se posta sur une éminence. *Nipetraka, naka toerana* tao amy ny havoana ny fahavalo.

POSTÉRIEUR, EURE, *adj*. Manarakaraka, aoriana. Il parut à une époque postérieure. Niseho tamy ny andro *nanarakaraka, taoriana* izy. 2°—, Ivoho. La partie postérieure du corps. Ny ao *ivohon'* ny vatana.

—, *sm*. Vody.

POSTÉRIEUREMENT, *adv*. Manarakaraka, aoriana.

POSTÉRIORITÉ, *sf*. Fiaoriana.

POSTÉRITÉ, *sf*. 1° Taranaka, teraka. La — d'Adam. Ny *taranaky* Adama. Il est mort sans —. Maty tsy *niteraka* izy. 2°—, Taranaka ho avy. Il travaille pour la —. Miasa ho any ny *taranaka ho avy* izy.

POSTHUME, *adj*. 1° Teraka ao aorian' ny nahafatesan-drainy. Enfant —. Zaza *teraka taorian' ny nahafatesan-drainy*. 2°—, Mivoaka ao aorian' ny nahafatesan' ny nanao azy. Ouvrage —. Boky *mivoaka ao aorian' ny nahafatesan' ny nanao azy*.

POSTICHE, *adj*. 1° Vao nanampy, ankosoka. Ornements postiches. Haingo *vao nanampy*, etc. 2°—, Solo. Barbe—. *Solom*-bolom-bava. Caporal —. Vatamiaramila *misolo* kaporaly.

POSTILLON, *sm*. Mpitarika kalesy.

POST-SCRIPTUM, *sm*. Fanampin-teny amy ny taratasy ampitondraina.

POSTULANT, ANTE, *s*. Mangataka.

POSTULER, *va*. Mangataka. — un emploi. *Mangataka* raharaha. — l'admission dans une maison religieuse. *Mangataka* mba horaisina ho relijiozy.

POSTURE, *sf*. Fitoetra, toetra, fipetraka. Il se tient dans une — modeste. Maotona ny *fitoetrany*, etc.

POT, *sm*. 1° Tavoara, tamaboha, vilanin-daoka, nongo, jogy, fitoeran-javatra. Un—de bière. Labiera eran' ny *tavoara*. —de confitures. *Tamaboha* feno konfitiora. Le couvercle du —. Ny takotry ny *vilanin-daoka*, ny *nongo*. — à eau. *Jogy*. — à fleurs. *Fitoeram*-boninkazo. 2° *fig*. Courir la fortune du—. Mihinana izay masaka ao an-trano. C'est le — de terre contre le — de fer. Atody miady amam-bato izy. Tourner autour du —. Miolakolaka, manary dia. Payer les pots cassés. Manonitra. Découvrir le— aux roses. Mahita ny ankaromiafina.

POTABLE, *adj*. Azo sotroina. L'eau de la mer n'est pas —. Tsy *azo sotroina* ny ranomasina.

POTAGE, *sm*. 1° Lasopy. — aux herbes. *Lasopy* misy anana. 2° *fig*. Nous n'avons eu que deux mauvais poulets pour tout —. Tsy nisy zavatra nohaninay afatsy vantotr' akoho roa marary maso.

POTAGER, ÈRE, *adj*. Famboly amy ny tanin' anana. Plantes potagères. Zava-maniry *famboly amy ny tanin' anana*. Jardin —. *Tanin' anana*.

—, *sm*. Tanin' anana.

POTASSE, *sf*. Potasy, sirabazo, siravondrona.

POT-AU-FEU, *sm*. 1° Vilanin-daoka mby an-tokoana. 2° —, Hena voatokona.

POT-DE-CHAMBRE, *sm*. Kotosambatra.

POT-DE-VIN, *sm*. Kadô, falim-po.

POTEAU, *sm*. Tsato-kazo, andry-kazo,

tsikoitra, tolána. — de télégraphe. *Tsato-kazo, orin-kazo* amy ny telegrafy. Les poteaux d'une cloison. Ny *tsikoitra* amy ny efitra. — de croisée. *Tolam*-baravaran-kely.

POTELÉ, ÉE, *adj.* Botrabotra, dongadonga, botrefona. Enfant —. Zaza kely *botrabotra*, etc.

POTENCE, *sf.* 1° Hazo fanantonana ny olo-meloka, fanantonana ny olo-meloka. Dresser la —. Manangana *hazo fanantonana ny olo-meloka*. Il mérite la —. Mendrika *hahantona* izy. Gibier de —. Olona mendrika *hahantona*, — tsy vanona. 2°—, Hazo misy dakany atao fanantonan-javatra na tohana.

POTENTAT, *sm.* 1° Mpanjaka lehibe. 2° *fig.* Mpihambohambo foana.

POTERIE, *sf.* 1° Lovia tany, vilany tany, etc. 2°—, Tefy lovia, fanaovan-dovia, tefy vilany, etc.

POTIER, *sm.* Mpanao lovia, mpanefy vilany, etc.

POTION, *sf.* Fanafody sotroina tsikelikely.

POT-POURRI, *sm.* 1° Hena isan-karazany natao iray vilany. 2° *fig.* Lahateny mifanjevo.

POU, *sm.* Hao. Tuer des poux. Mifoy hao.

POUAH, *int.* Poa!

POUCE, *sm.* 1° Ankibe. 2° *fig.* Se mordre les pouces. Manenina. Manger sur le —. Homa-maika, manao sakafon-tsorohitra. N'avoir pas un — de terre. Tsy manantany na dia voantondro, hitsivalanandia aza.

POUDRE, *sf.* 1° Vovoka. Du sucre en—. *Vovo*-tsiramamy. — vermifuge. *Vovoka* pilokankana. — qu'on met sur l'écriture pour la sécher. *Vovo*-pasika fanamainan-tsoratra. 2°—, Zavatra voakosoka, — voatoto, — voatorotoro. Du tabac en —. Paraky *voakosoka*. Du café en —. Kafe *voatoto*. Réduisez cette substance en —. *Totoy, torotoroy* io zavatra io. 3°—, Vanja. — à canon, — de mine. *Vanja* baróta. — fine. *Vanjam*-piraka. 4° *fig.* Jeter de la — aux yeux. Mandavo sorery. Être vif comme la —. Mirehidrehitra, saro-po. Il n'a pas inventé la—. Kely saina izy. Mettre le feu aux poudres. Mikitra.

POUDRER, *va.* Manisy vovo-tavolo. — une perruque. *Manisy vovo-tavolo* ny solovolo.

Se poudrer, *vpr.* Manisy vovó-tavolo ny volon-dohany.

POUDRETTE, *sf.* Bemavo voavoatra ho zezika.

POUDREUX, EUSE, *adj.* Be vovoka. Meuble —. Fanaka *be vovoka*.

POUDRIER, *sm.* Fitoeram-pasika fanamainan-tsoratra.

POUDRIÈRE, *sf.* 1° Trano fanaovam-banja. 2°—, Trano fitahirizam-banja.

POUF, Ta!

—, *sm.* Faire un—. Mibifona tsy mandoa trosa.

POUFFER, *vn.* — de rire. Mikakakaka, lonkilonkin' ny beby.

POUILLEUX, EUSE, *adj.* et *s.* 1° Be hao. 2° *fig.* Voretra, faraidina.

POULAILLER, *sm.* Tranon' akoho, fisoko.

POULAIN, *sm.* Zana-tsoavaly (lahy).

POULARDE, *sf* Akoho mifahy.

POULE, *sf.* 1° Akohovavy. Une — qui pond. *Akoho* manatody. ‖ *loc.* — d'eau. Otrika. — sultane Vantsiona. 2° *fig.* — mouillée. Kanosa. Faire venir la chair de—. Mampihoron-koditra.

POULET, *sm* Zanak' akoho, vantotr akoho.

POULETTE, *sf.* Vantotr' akohovavy.

POULICHE, *sf.* Zana-tsoavaly (vavy).

POULIE, *sf.* Bolaky.

POULINER, *vn.* (Soavalivavy) mitoraka.

POULINIÈRE, *adj. f.* Angalan-taranaka. Jument —. Soavalivavy *angalantaranaka*.

POULPE, *sm.* Horita.

POULS, *sm.* 1° Polsa. 2° *fig.* Se tâter le —. Mandinika ny tenany na mihevitra ny volany vao manao.

POUMON, *sm.* Avokavoka.

POUPARD, *sm.* Zaza kely botrefona.

POUPE, *sf.* Vody sambo.

POUPÉE, *sf.* 1° Sary bakoly, kizanajanaka. 2° *fig.* Tovovavy miraratra.

POUPON, ONNE, *s.* Zaza kely botrabotra.

POUR, *prép.* 1° Ho, ho any, noho, satria, forme relative. Cette lettre n'est pas— lui. Tsy *ho* azy izany taratasy izany. Aumône — les pauvres. Fiantrana *ho any* ny mahantra. Il fera cela—vous. Hanao izany izy *noho, satria* hianao. Faites cela — l'amour de Dieu. Ataovy izany *noho* ny fitiavana an' Andriamanitra. Il a donné son cheval — mille francs.

Ariary roan-jato no *nivarolany* ny soavaliny. — qui me prenez-vous? Ataonao *ho* iza aho? Il lit — s'instruire. Mamaky teny mba *hianatra* izy. Il est puni — avoir désobéi. Faizina izy *satria* tsy nety nanaiky. La tendresse d'une mère — ses enfants. Ny *fitiavan'* ny reny ny zanany. 2° —, Solo, efaina, raha heverina, raha. na dia....aza. Il monte la garde — son frère. Miambina ho *solon'* ny rahalahiny izy. Œil — œil. Maso *solo, efain'* ny maso. Cet enfant est instruit — son âge. Mahay io zazalahy io *raha* ny taonany no *heverina*. —moi, je n'en ferai rien. *Raha* izaho, dia tsy hanao velively aho. — être riche, on n'en est pas plus heureux. *Na dia* manan-karena *aza* ny olona, dia tsy sambatra kokoa.

—, *sm* Soutenir le — et le contre. Milaza zavatra mifanohitra. Discuter le — et le contre. Mandinika ny mahasoa sy ny tsy mahasoa amy ny zavatra anankiray, mandinika ny handrosoana sy ny hihemorana.

Pour que, *loc. conj.* Mba ho.

Pour peu que, *loc. conj.* Voy. Peu.

Pour lors, *loc. adv.* Amin'izay, tamin' izay.

POURBOIRE, *sm.* Kadó, falim-po, fankasitrahana.

POURCEAU, *sm.* Kisoa.

POURCHASSER, *va.* Manenjika, mikatsaka.

POURFENDEUR, *sm.* 1° Mpamondrana olona amy ny sabatra. 2° *fig.* Mahery vava, mpirehaka, kevoka.

POURFENDRE, *va.* Mamendrana olona amy ny sabatra.

POURPARLER, *sm.* Dinidinika, fidinidinihana. Il y a eu plusieurs pourparlers entre les deux ministres. Nisy *dinidinika*, etc., vitsivitsy nataon' ny ministra roa laby.

POURPIER, *sm.* Tsikobokokobondanitra.

POURPOINT, *sm.* Akanjo bory vody fanao taloha. A brûle —. Comme A bout portant. Voy. Portant.

POURPRE, *sm.* Volon-jaky. Cette étoffe est d'un beau —. *Mivolon-jaky* mahafinaritra io lamba io.

—, *sf.* 1° Loko mena fanaovan-jaky. 2°—, Jaky. Manteau de —. Kapaoty *jaky.* 3° *fig.* Fiandrianan' ny mpanjaka. La — romaine. Ny *fiandrianan'* ny kardinaly

POURPRÉ, ÉE, *adj.* Mivolon-jaky.

POURQUOI, *conj.* Antony, fototra. Vous étiez absent, voilà — l'on vous a oublié. Tsy tao hianao, ka izany no *antony*, etc., nanadinoana anao.

—, *adv. interrog.* Inona no antony, ahoana, haninona. — venez-vous ici? *Inona no antony* ahatongavanao aty? *ahoana, haninona* no ahatongavanao aty?

—, *sm.* Antony, fototra. Je voudrais savoir le — de cette affaire. Ta-hahalala ny *antony*, ny *fototr'* izany raharaha izany aho.

POURRI, IE, *adj.* 1° Lo, drodroka. Bois —. Hazo *lo*, etc. 2° *fig.* Mivarilavo. C'est un cœur —. *Mivarilavo* amy ny fitondran-tena ratsy izy.

—, *sm.* Ny lo. Enlever le — d'un fruit. Manaisotra *ny lo* amy ny voankazo. Cela sent le —. Maimbo *lo* izany.

POURRIR, *vn.* 1° Mihaló, mihadrodroka. Les fruits pourrissent sur l'arbre. *Mihaló* eny am-potony ny voankazo. 2° *fig.* Milongila, mivarilavo. — dans les cachots. *Milongila* ao anaty tranomaizina. — dans la débauche. *Mivarilavo* ao anatin' ny fitondran-tena ratsy.

—, *va.* Mahaló, mahadrodroka.

Se pourrir, *vpr.* Mihaló, mihadrodroka.

POURRITURE, *sf.* Fahalovana, halovana, haló, hadrodroka.

POURSUITE, *sf.* 1° Fanenjehana. 2° *fig.* Fikatsahana, fanohizana. 3° —, *pl.* Fitoriana. Faire des poursuites contre un débiteur. *Mitory* mpitrosa.

POURSUIVANT, *sm* 1° Mpikatsaka. 2° —, Mpitory.

POURSUIVRE, *va.* 1° Manenjika. — un voleur. *Manenjika* tontakely. 2° *fig.* Manenjika. Le malheur le poursuit. *Manenjika* azy ny loza. 3° —, Mikatsaka, manohy. — un emploi. *Mikatsaka* raharaha. — un travail. *Manohy* raharaha. 4° —, Mitory. — un débiteur. *Mitory* mpitrosa.

—, *vn.* Manohy. Vous avez bien commencé, poursuivez. Efa nanomboka tsara hianao, ka *tohizo*.

Se poursuivre, *vpr.* 1° Mifanenjika. 2° —, Tohizina. L'affaire se poursuit. *Tohizina* ny raharaha.

POURTANT, *adv.* Kanefa, nefa, kanjo. Comme Cependant.

POURTOUR, *sm.* Ny manodidina. Voy. Circuit.

POURVOI, *sm.* Fangatahana fitsarana ambony, fangatahana. —en grâce. *Fangatahana* famelan-keloka amy ny mpanjaka.

POURVOIR, *vn.* 1° Mamonona, manomana, miahy. Il pourvoit aux besoins de sa famille. Izy no *mamonona, miahy* izay rehetra ilain'ny fianakaviany. On a pourvu à tout. *Voaomana* ny zavatra rehetra. Dieu y pourvoira. Andriamanitra *hamonona, hanomana, hiahy* izany. 2°—, Manendry olona. — à un emploi. *Manendry olona* amy ny raharaha.

—, *va.* 1° Mamonona, mitao. — une armée de munitions. *Mamonona, mitao* fiadiana ho any ny mpiantafika. — une place de vivres. *Mamonona* hanina ho any ny tanána anankiray. Voy. MUNIR, FOURNIR. 2° —, Manome, mampanambady, mampahazo raharaha. Le roi l'a pourvu de cet emploi. Ny mpanjaka *nanome* azy izany raharaha izany. Ce père a bien pourvu tous ses enfants. Izany ray izany *nampanambady, nampahazo raharaha* tsara ny zanany rehetra. 3° *fig.* Manome Le Ciel l'a pourvu de bonnes qualités. *Nomen'* Andriamanitra toepanahy tsara izy.

Se pourvoir, *vpr.* 1° Mivonona, manomana, mitao. 2°—, Mangataka fitsarana. Se — en cassation. *Mangataka fitsarana* ambony indrindra.

POURVOYEUR, EUSE, *s.* Mpamonona.

POURVU, UE, *adj.* 1° Manana. Il est—de tout ce qu'il lui faut. *Manana* ny zavatra rehetra ilaina izy. 2°—, Nomena, manam-bady, nahazo raharaha. 3° *fig.* Nomena, nahazo.

POURVU QUE, *loc. conj.* Raha, fa tsy maintsy. Comme A CONDITION QUE.

POUSSE, *sf.* Tsimoka, taroka, laingo. Les jeunes pousses des brèdes. Ny *tarok'* anamamy. Les jeunes pousses du bout des branches. Ny *laingon*-kazo.

POUSSÉE, *sf.* Tosika, fanosehana.

POUSSER, *va.* 1° Manosika, manakisaka, mandronjina. —une table. *Manosika, manakisaka* latabatra. — violemment quelqu'un. *Manosika, mandronjina* olona mafy. — la porte. *Manosika* ny varavarana. 2°—, Mamindra, manalava, manitatra, mampandroso. Il faut — ce mur plus loin. Tsy maintsy *hafindra* lavidavitra kokoa, *hohalavaina* kokoa io ampiantany io. Ce prince a poussé ses conquêtes bien loin. Izany mpanjaka izany *nanitatra, nampandroso* lavitra ny fanjakany. 3° *fig.* Mampisondrotra, mampandroso, mitaona, mitarika. C'est son ami qui l'a poussé. Ny sakaizany no *nampisondrotra* azy. — un écolier. *Mampandroso* mpianatra. — des travaux. *Mampandroso* raharaha. — au mal. *Mitaona, mitarika* ho amy ny ratsy. 4°—, Mamely, mahatezitra, mampiseho, manao, mi..., man.... Vous le poussez trop. *Mamely* azy mafy loatra hianao. Vous me poussez à bout. *Mahatezitra* ahy mafy loatra hianao fa sasatry ny mandefitra aho. Il pousse bien loin la patience. *Mampiseho* fandeferana mahagaga izy. Il pousse trop loin la raillerie. *Manao* voso-dratsy mafy loatra izy. Il pousse trop loin son ambition. *Mi*tsiriri-boninahitra mafy loatra izy. — des soupirs. *Mi*sentosento. — des feuilles. *Man*dravina.

—, *vn.* 1° Mitsimoka, mitsiry, maniry, manaroka. Les arbres poussent. *Mitsimoka*, etc., ny hazo. Sa barbe pousse. *Maniry* ny volom-bavany. 2°—, Manosika. L'arcade a poussé sur les murs. *Nanosika* ny rindrina ny andohalambo. 3°—, Mandroso. —jusqu'à la ville. *Mandroso* hatrany an-tanána. 4° *fig.* — à la roue. Manampy.

Se pousser, *vpr.* 1° Mikisaka. 2° *fig.* Misondrotra, mandroso, mifanampy. Il s'est poussé dans le monde. *Nisondrotra, nandroso* voninahitra, — harena tamin' izao tontolo izao izy.

POUSSIÈRE, *sf.* Vovoka, vovo-tany, jofo. Soulever de la —. *Mamovoka*, mampitera-*jofo*. Il fait beaucoup de —. Be ny *vovoka, mamovoka* fatratra, mitera-*jofo*. La — entre dans les yeux. Mandtsika ny maso ny *vovoka*. ‖ *loc.* Réduire en —. Manorotoro, manamontsamontsana, manamongo; *fig.* mandovona, manafoana. Mordre la —. Maty an'ady.

POUSSIF, IVE, *adj.* Sohihina. Cheval —. Soavaly *sohihina*.

POUSSIN, *sm.* Zanak'akoho, akoho kely.

POUTRE, *sf.* Sakamandimby.

POUTRELLE, *sf.* Lafi-drihana, rairain-drihana, zana-kazo.

POUVOIR, *vn.* Afaka, mahazo, maha.... Il ne peut pas marcher. Tsy *afa*-mandeha izy. Je ne peux pas dormir. Tsy *mahazo* matory aho Cela peut se faire.

Azo atao izany. Il ne peut rien répondre. Tsy *mahavaly* na inona na inona izy. || *loc.* N'en — plus. Ana. Je n'en puis mais. Tsy izaho no antony, fotony.
—, *v. imp.* Azo heverina. Il peut se faire, il se peut que votre projet réussisse. *Azo heverina* fa ho vanona ny fikasanao, angamba ho vanona ny fikasanao.
—, *va.* Mahefa, mahavita. Il peut tout ce qu'il veut. *Mahefa*, etc., izay rehetra tiany hatao izy.

POUVOIR, *sm.* 1° Fahazoana. Il n'est pas au — de l'esprit humain de concevoir de telles choses. Tsy *azon'* ny sain' olombelona heverina ny zavatra tahaka izany. 2°—, Fahefana, fanapahana. Il est parvenu au —. Nahazo *fahefana, fanapahana* izy. Il a le— de commander. Manam-*pahefana* mba handidy izy. Il a outrepassé ses pouvoirs. Nihoatra ny *fahefana* azony izy. Les pouvoirs d'un ambassadeur. Ny *fahefan'* ny ambasadaora. — temporel. *Fahefana* momba ny nofo. — spirituel. *Fahefana* momba ny fanahy. — législatif. *Fahefana* mba hanao lalána. — exécutif. *Fahefana* mba hampanaraka ny lalána. — judiciaire. *Fahefana* mba hitsara. 3°—, Lehibe. Flatter le —. Mandoka ny *lehibe*. 4° *fig.* Toky, hery, fifehezána, famolahana, fitarihana, fitaomana. Il a beaucoup de — auprès du ministre. *Mahatoky* ny ministra loatra izy, to teny amy ny ministra izy. Le — de la vertu. Ny *herin'* ny hatsaram-panahy. Il n'a pas de — sur lui-même. Tsy *mahafehy* tena izy. Il n'a pas de — sur ses passions. Tsy *mahafolaka* ny filandratsiny izy. Il exerce un grand — sur les esprits. *Mahatarika, mahataona* ny olona tokoa izy.

PRAIRIE, *sf.* Tanim-bilona. — artificielle. *Tany* nofafazam-*bilona*.

PRALINE, *sf.* Karazam-batomamy.

PRATICABLE, *adj.* 1° Azo atao, azo arahina. Cela n'est pas —. Tsy *azo atao*, etc., izany. 2°—, Azo aleha. Chemin —. Lálana *azo aleha*.

PRATICIEN, *sm.* Mahay, zatra amy ny raharahany. Ce médecin est un bon —. *Mahay*, etc., io dokotera io.

PRATIQUANT, ANTE, *adj.* Manaraka tsara ny fivavahana.

PRATIQUE, *sf.* 1° Fahazarana manao, fanaovana, fanarahana, fanatanterahana. Il a la—de la médecine. *Zatra manao* ny raharahan' ny dokotera izy. Il a la —des affaires. *Zatra manao* raharaha samihafa izy. Cette vertu est d'une — difficile. Sarotra *arahina* izany hatsarampanahy izany. Ce projet est beau, mais il sera difficile dans la —. Tsara izany fikasana izany, fa sarotra ny *fanaovana*, ny *fanatanterahana* azy. 2°—, Fanao, fomba. Agir selon la — du pays. Manao araka ny *fanao*, ny *fomban'* ny tany. 3° —, Mpanao trano fantatra, mpividy. Ce marchand a des pratiques. Be ny *mpanao trano fantatra*, etc., amin' io mpivarotra io. 4°—, *pl.* Fombam-pivavahana. Pratiques superstitieuses. *Fombantsampy*, fadifady. 5°—, Firaisan-tetika. Entretenir des pratiques avec l'ennemi. *Miray tetika* amy ny fahavalo.
—, *adj.* Mampanao, manao, manao asa soa. Cours théorique et —. Fampianarana sady mampahay no *mampanao*. Sa vertu était —. Niseho tamy ny *asa soa nataony* ny hatsaram-panahiny.

PRATIQUER, *va.* 1° Manao, manaraka, manatanteraka. — de bonnes œuvres. *Manao* asa soa. — la vertu. *Manaraka* ny hatsaram-panahy. — les commandements de Dieu. *Manaraka, manatanteraka* ny didin' Andriamanitra. — la médecine. *Manao* ny raharahan' ny dokotera. — une fenêtre. *Manao* varavaran-kely. 2°—, Miaraka matetika. Il pratique les gens de bien. *Miaraka matetika* amy ny tsara fanahy izy.

Se pratiquer, *vpr.* Atao, fanao, arahina.

PRÉ, *sm.* Tanim-bilona.

PRÉALABLE, *adj.* Mia'oha, aloha.

Au préalable, *loc. adv.* Aloha.

PRÉALABLEMENT, *adv.* Aloha.

PRÉAMBULE, *sm.* Sasin-teny, teny mialoha.

PRÉCAIRE, *adj.* Tsy raikitra. Il n'a qu'une autorité —. *Tsy raikitra* ny fahefana azony.

PRÉCAIREMENT, *adv.* Tsy raikitra.

PRÉCAUTION, *sf.* 1° Fitandremana rahateo. 2°—, Fitandremana, fahamalinana. Agir avec —. Manao amim-*pitandremana*, amim-*pahamalinana*.

PRÉCAUTIONNER, *va.* Mampitandrina rahateo. — les fidèles contre l'erreur. *Mampitandrina* ny kristiana *rahateo* sao azon' ny finoan-diso.

Se précautionner, *vpr.* Mitandrina rahateo, mitandrina.

PRÉCÉDEMMENT, *adv.* Teo aloha, taloha.

PRÉCÉDENT, ENTE, *adj*. Mialoha. Je l'ai dit dans le chapitre —. Efa voalazako tamy ny toko *mialoha* izany.

—, *sm*. Ny natao taloha. Comme ANTÉCÉDENT.

PRÉCÉDER, *va*. Mialoha. Il nous précède. *Mialoha* anay izy. Le mot qui précède. Ny teny *mialoha*.

PRÉCEPTE, *sm*. Lalána, didy. Les préceptes de l'art oratoire. Ny *laláña* momba ny fahaizana mandaha-teny. Les préceptes de Jésus-Christ. Ny *didiny* Jeso-Kristy. Cela est de —. *Didy* izany.

PRÉCEPTEUR, *sm*. Mpampianatra.

PRÊCHE, *sm*. Toritenin'ny Protestanta.

PRÊCHER, *va*. 1° Mitory, mitory teny. — l'Évangile. *Mitory* ny Evanjely. — le carême. *Mitory teny* mandritra ny karemy. — les infidèles. *Mitory teny* amy ny tsy mpino. 2°—, Mampianatra, mananatra, mamerimberina. Il prêche une morale sévère. *Mampianatra* fitsipi-pitondran-tena sarotra izy. Il prêche son fils. *Mananatra* ny zanany izy. Il prêche toujours la même chose. *Mamerimberina* mandrakariva ny teo hiany izy.

—, *vn*. 1° Mitory teny. 2° *fig*. Il prêche d'exemple. Izy aloha no manao izay ampianariny. Il prêche dans le désert. Tsy henoina, fotsy rora izy.

PRÊCHEUR, *sm*. Mpitory teny, mpitory teny tsy mahay loatra.

PRÉCIEUSE, *sf*. Vehivavy mpiangolangola.

PRÉCIEUSEMENT, *adv*. Amim-pitandremana, amim-pitiavana. Garder — un livre. Mitahiry boky *amim-pitandremana*, etc.

PRÉCIEUX, EUSE, *adj*. 1° Saro-bidy. Étoffe précieuse. Lamba *saro-bidy*. 2° *fig*. Saro-bidy, lehibe, mamy indrindra, malala, mahasoa. Votre temps est —. *Saro bidy* ny andronao. Il en est résulté pour lui un avantage —. Nahazo soa *lehibe* tamin'izany izy. C'est pour moi un souvenir —. Fahatsiarovana *mamy* amiko *indrindra* izany. Cet enfant est — à son père. *Malalan*-drainy, *mahasoa* andrainy io zaza io. 3°—, Miangolangola, miangeso, miangentsana. Il a des manières précieuses. *Miangolangola* toetra izy. Il a un langage —. *Miangolangola*, etc., fiteny izy. Voy AFFECTÉ.

PRÉCIPICE, *sm*. 1° Tevana, hantsana. Marcher entre deux précipices. Mandeha eo anelanelan'ny *tevana*, etc., roa. 2° *fig*. Tevana, hady. La débauche l'entraîne dans le —. Ny fitondran-tena ratsy no mamarina azy an-*tevana*, etc.

PRÉCIPITAMMENT, *adv*. Amim-pahamaikana, faingana.

PRÉCIPITATION, *sf*. Hamaikana, hafainganana, hadodonana, firotorotoana, fikorododoana, fikoroboboana. La — gâte la plupart des affaires. Ny *hadodonana*, *firotorotoana*, *fikorododoana*, *fikoroboboana* manimba ny ankabiazan' ny raharaha.

PRÉCIPITÉ, ÉE, *p*. et *adj*. 1° Voavarina, navarina, voazera, nazera. 2°—, Maika, faingana. Marcher à pas précipités. Manao dia *maika*, etc.

PRÉCIPITER, *va*. 1° Mamarina, manjera. Dieu précipita les anges rebelles dans les enfers. *Navarina, nazeran'* Andriamanitra any anatin'ny afobe ny anjely mpikomy. 2°—, Mahamaika, manafaingana, manao faingana loatra. La frayeur précipitait ses pas. Ny tahotra *nahamaika*, *nanafaingana* ny diany. Les gens sages ne précipitent rien. Ny olon-kendry tsy *manao* zavatra na inona na inona *faingana loatra*. 2° *fig*. Mamarina, manongana. Ses vices le précipitent dans l'infortune. *Mamarina* azy ao anatin' ny fahoriana ny haratsiany. — un monarque du trône. *Manongana* mpanjaka.

Se précipiter, *vpr*. 1° Mivarina, mianjera, miantonta. Le torrent se précipite du haut des rochers. *Mivarina*, etc., avy amy ny vatolampy ny riaka. 3°—, Miantoraka, miantsambotra, midodododo. Se — sur l'ennemi. *Miantoraka* amy ny fahavalo. Il se précipita dans les bras de sa mère. *Niantoraka*, *niantsambotra* tamin-dreniny izy. La foule se précipitait au-devant de lui. *Nidodododo* nitsena azy ny vahoaka. 3°—, Manao faingana loatra. Ne vous précipitez pas. Aza *manao faingana loatra*.

PRÉCIS, ISE, *adj*. 1° Raikitra, voatendry, voafetra, marina. Il est venu à l'heure précise. Tonga tamy ny fotoana *raikitra*, etc., izy. Arrivez à cinq heures précises. Tongava amy ny dimy *marina*. 2°—, Mazava. Demande précise. Fangatahana *mazava*. 3°—, Fohy sady mazava, fohy teny sady mazava. Discours —. Laha-teny *fohy sady mazava*. Ecrivain —. Mpanorom-boky *fohy teny sady mazava*.

PRÉCIS, *sm.* Fotopototra. Il a écrit un — de l'histoire ancienne. Nanoratra ny *fotopototry* ny tantaran'ny ntaolo izy.

PRÉCISÉMENT, *adv.* Marina, indrindra. Il est parti — à six heures. Nianinga tamy ny enina *marina*, etc., izy. Voy. JUSTE.

PRÉCISER, *va.* Milaza mazava. — un fait. *Milaza mazava* zavatra anankiray niseho.

PRÉCISION, *sf.* 1° Filazana fohy sady mazava. 2° —, Fahamarinana, filaminana. La règle est divisée avec —. Voazarazara *marina* ny fitsipika. Les manœuvres ont été exécutées avec —. *Nilamina* ny famindran'ny miaramila.

PRÉCITÉ, ÉE, *adj.* Voalaza teo aloha.

PRÉCOCE, *adj.* 1° Malady masaka. Fruit —. Voankazo *malady masaka.* 2° —, Malady, haingam-pitombo, maroroka, maroro-tsaina. Enfant —. Zaza kely *malady,* etc.

PRÉCOCITÉ, *sf.* 1° Halady masaka. 2° —, Halady, haroroka,

PRÉCONÇU, UE, *adj.* Itompoana rahateo. Idée préconçue. Hevitra *itompoana rahateo.*

PRÉCONISATION, *sf.* Fanandratana ho eveka.

PRÉCONISER, *va.* 1° Midera izaitsizy. 2° —, Manandratra ho eveka.

PRÉCURSEUR, *sm.* Mpialoha. Saint Jean-Baptiste fut le — de Jésus-Christ. Masin-dahy Joany Batista no *mpialoha* any Jeso-Kristy.

—, *adj.* Mialoha. Signes précurseurs. Famantarana *mialoha.*

PRÉDÉCESSEUR, *sm.* Ilay dimbasana, mialoha. Ce prince suivit l'exemple de son —. Izany mpanjaka izany nanahaka *ilay nodimbasany.* Nos prédécesseurs. Ireo izay *nodimbasantsika, nialoha* antsika.

PRÉDESTINATION, *sf.* Fanendron' Andriamanitra ho amy ny fahasambarana mandrakizay.

PRÉDESTINÉ, ÉE, *adj.* et *s.* 1° Voatendry ho amy ny fahasambarana mandrakizay. 2° —, Voatendry rahateo, voafidy rahateo.

PRÉDESTINER, *va.* 1° Manendry ho amy ny fahasambarana mandrakizay. Dieu a prédestiné les élus. Andriamanitra *nanendry* ny olom-pinidy *ho amy ny fahasambarana mandrakizay.* 2° —, Manendry rahateo, mifidy rahateo. Dieu avait prédestiné la Vierge Marie pour être la mère du Seigneur. Andriamanitra *nanendry, nifidy rahateo* any Mary Virijiny ho renin'ny Tompo.

PRÉDICATEUR, *sm.* 1° Mpitory teny. 2° —, Mpampianatra. Voy. PRÊCHER.

PRÉDICATION, *sf.* Fitoriana, fitorianteny, toriteny, sermona.

PRÉDICTION, *sf.* Faminaniana. Sa — est accomplie. Tanteraka ny *faminaniana* nataony.

PRÉDILECTION, *sf.* Fitiavana indrindra. Il a de la — pour sa fille. *Tia indrindra* ny zanany vavy izy. Enfant de —. Zanaka *tiana indrindra,* malala.

PRÉDIRE, *va.* 1° Maminany. — l'avenir. *Maminany* ny ho avy. J'avais prédit tout ce qui lui est arrivé. Efa *norinaniko* ny zavatra rehetra tonga taminy. 2° —, Milaza rahateo. — une éclipse. *Milaza* fanakonana *rahateo.*

PRÉDISPOSER, *va.* Mahatonga aretina tsikelikely.

PRÉDISPOSITION, *sf.* Toe-batana mahatonga aretina tsikelikely.

PRÉDOMINANT, ANTE, *adj.* Lehibe indrindra, miseho indrindra. L'humilité est sa vertu prédominante. Ny fanetren-tena no hatsaram-panahy *lehibe indrindra,* etc., ao aminy.

PRÉDOMINER, *vn.* Lehibe indrindra, miseho indrindra. La charité prédomine dans les vrais chrétiens. Ny fitiavanamana no *miseho indrindra* ao amy ny kristiana marina.

PRÉÉMINENCE, *sf.* Fiamboniana. Il a la — sur lui. *Amboniny* izy.

PRÉÉMINENT, ENTE, *adj.* Ambony indrindra. La charité est une vertu prééminente. Ny fitiavana an' Andriamanitra no hatsaram-panahy *ambony indrindra.*

PRÉÉTABLIR, *va.* Mametra rahateo. — une question. *Mametra rahateo* ny zavatra hodinihina.

PRÉEXISTANT, ANTE, *adj.* Ary taloha.

PRÉEXISTENCE, *sf.* Fisiana taloha.

PRÉEXISTER, *vn.* Ary taloha.

PRÉFACE, *sf.* Sasin-teny, teny mialoha.

PRÉFECTURE, *sf.* Fari-tany fehezin' ny *préfet,* raharahan'ny *préfet,* tranon' ny *préfet.*

PRÉFÉRABLE, *adj.* Mendrika hatao ambony, mendrika hofidina, mendrika hotiana kokoa, aleo. La vertu est — à l'or. Ny hatsaram-panahy no *mendri-*

ka hatao ambony, mendrika hotiana kokoa noho ny volamena, *aleo* ny hatsaram-panahy toy izay ny volamena.

PRÉFÉRABLEMENT, *adv.* Atao ambony, tiana kokoa, aleo.

PRÉFÉRENCE, *sf.* Fanaovana ambony, fifidianana, fitiavana kokoa, fiangarana, fizahan-tavan' olona. Entre ces deux généraux, celui-là mérite la —. Amin' ireo jeneraly roa lahy ireo, iley itsy no mendrika *hatao ambony, hofidina*. Ma — est fondée. Misy antony ny *ifidianako* izany, ny *itiavako* izany *kokoa*. Il fait des préférences. Ny sasany no *tiany kokoa, miangatra, mizaha tavan' olona* izy.

PRÉFÉRER, *va.* Manao ambony, mifidy, tia kokoa, aleo. Il préfère l'honneur aux richesses. Ny voninahitra no *ataony ambony*, no *tiany kokoa* noho ny harena, *aleony* ny voninahitra toy izay ny harena. Il préféra se retirer. *Nalcony* niala.

Se préférer, *vpr.* Manao ny tenany ambony, tia tena kokoa.

PRÉFET, *sm.* Lehiben'ny *département*.

PRÉJUDICE, *sm.* Fatiantoka, fanimbana, fahasimbana. Porter — à quelqu'un. *Mahafaty antoka, mamono antoka* olona, *manimba* zavatr' olona. C'est au — de son honneur. *Manimba* ny lazany izany. Voy. DOMMAGE.

PRÉJUDICIABLE, *adj.* Mahafaty antoka, mamono antoka, manimba.

PRÉJUDICIER, *vn.* Mahafaty antoka, mamono antoka, manimba. Voy. NUIRE.

PRÉJUGÉ, *sm.* 1° Fitsarana an-tendrony, faminaniana, famantarana rahateo. Sa réputation forme un — pour lui. Ny lazany no azo *itsarana* azy *antendrony*. L'accueil qu'il vous a fait est un — pour le succès de votre affaire. Ny nandraisany anao no azo *aminaniana, amantarana rahateo* fa ho vanona ny raharahanao. 2° —, Hevitra itompoana, hevi-diso. Faux —. *Hevi*-diso *itompoana*. Combattre un —. Manohitra *hevidiso* anankiray.

PRÉJUGER, *va.* Mitsara an-tendrony, maminany, mamantatra rahateo. Je ne veux point — la question. Tsy te-*hitsara an-tendrony* ny zavatra dinihina aho. Autant qu'on le peut —. Araka izay azo *vinanina, fantarina rahateo*.

PRÉLASSER (SE), *vpr.* Misonanina, miedinedina, miedikedika. Se — dans un fauteuil. *Misonanina* ao amy ny sezabe.

PRÉLAT, *sm.* Eveka, kardinaly.

PRÉLATURE, *sf.* Fiandrianan' ny eveka, — ny kardinaly.

PRÉLÈVEMENT, *sm.* Fakana aloha.

PRÉLEVER, *va.* Maka aloha. Il faut — deux cents francs sur la succession pour les frais des funérailles. Tsy maintsy *hakana* ariary efa-polo *aloha* ny lova mba handoavana ny lany amy ny fandevenana.

PRÉLIMINAIRE, *adj.* Mialoha. Discours —. Laha-teny *mialoha*.

—, *sm. pl.* Zavatra mialoha. Les préliminaires d'un traité de paix. Ny *zavatra mialoha* ny fanekem-pihavanana.

PRÉLIMINAIREMENT, *adv.* Mialoha.

PRÉLUDE, *sm.* 1° Satrany. 2° *fig.* Zavatra mialoha, fiandohana. Les éclairs sont le — des orages. Ny helatra no *mialoha*, no *fiandohan'* ny ranonoram-baratra.

PRÉLUDER, *vn.* 1° Manao satrany. 2° —, Miomana. Il préludait à une bataille par des escarmouches. Efa *niomankiady* tamy ny ady madinidinika izy.

PRÉMATURÉ, ÉE, *adj.* 1° Masaka alohan' ny fotoana, malady masaka. Fruit —. Voankazo *masaka alohan' ny fotoana*, etc. 2° *fig.* Maroroka, malady, tsy mbola masaka. C'est un esprit —. *Maroro*-tsaina izy. Il a été enlevé par une mort prématurée. *Nalady* maty, maty tanora izy. Cette entreprise est prématurée. *Tsy mbola masaka* izany raharaha izany.

PRÉMATURÉMENT, *adv.* Alohan' ny fotoana.

PRÉMATURITÉ, *sf.* Haroroka, halady.

PRÉMÉDITATION, *sf.* Fiheverana rahateo.

PRÉMÉDITÉ, ÉE, *adj.* Voahevitra rahateo. Assassinat —. Famonoana olona *voahevitra rahateo*.

PRÉMÉDITER, *va.* Mihevitra rahateo.

PRÉMICES, *sf. pl.* 1° Santatra, voaloham-bokatra, voalohan-teraky ny biby. 2° *fig.* Santatra, zavatra voalohany, fiandohana, fiantombohana. Je vous offre les — de mon travail. Atolotro anao ny *santatry* ny asako. Vous avez eu les — de son cœur. Hianao no notiaviny *voalohany*. Il a vu les — de ce règne. Nahita ny *niandohana, niantombohan'* ny nanjakan' izany mpanjaka izany izy.

PREMIER, IÈRE, *adj.* 1° Voalohany.

Le — jour du mois. Ny *voalohan'* andro amy ny volana, ny andro *voalohan'* ny volana. Il est le — de son village. Izy no *voalohany* ao amy ny tanána itoerany. Le — ministre. Ny ministra *voalohany*, ny prime ministra. 2° —, Taloha. Il a recouvré sa première puissance. Nahazo ny fahefany *taloha* indray izy.

—, *sm.* Rihana ambany indrindra. Il demeure au —. Mitoetra ao amy ny *rihana ambany indrindra* izy.

PREMIER-NÉ, *sm.* Lahimatoa.

PRÉMUNIR, *va.* Mampitandrina rahateo. Comme PRÉCAUTIONNER..

Se prémunir, *vpr.* Mitandrina.

PRENABLE, *adj.* Azo alana, azo anihina, mety ho afaka.

PRENANT, ANTE, *adj.* La partie prenante. Ny mpaka vola.

PRENDRE, *va.* 1° Maka, mandray, mitsingina, misambotra, mitondra. — une ville. *Maka* tanána. On lui a pris sa montre. Nisy *naka* ny famantaranandrony. — une épée. *Mandray* sabatra. Prenez mille francs dans mon armoire. *Maká, mandraisa* ariary roan-jato ao anaty lalomoarako. Prenez ce que l'on vous offre. *Raiso* izay atolotra anao. — du bout des doigts. *Mitsingina.* — l'air. *Maka* rivotra. — femme. *Maka* vady. — un cuisinier. *Maka* mpahandro. Il l'a pris par les cheveux. *Nisambotra* azy tamy ny volon-dohany izy. Vous avez pris un habit bien léger. *Nitondra* akanjo manify loatra hianao. Il a oublié de — sa tabatière. Nanadino *hitondra* tabatera izy. 2° —, Mahazo, mahatratra. On a pris beaucoup de poisson. *Nahazo* hazandrano betsaka. — quelqu'un sur le fait. *Mahazo* olona an-tánana, *mahazo* olona ambody omby. La fièvre l'a pris hier. *Azo, tratry* ny tazo izy omaly. 3° —, Homana, mihinana, misotro. Je n'ai rien pris de la journée. Tsy *nihinana* na inona na inona aho androany. — une médecine. *Misotro* fanafody. 4° —, Mampandoa, mividy, mifidy, milatsaka, manaraka, momba. On m'a pris mille francs pour cette maçonnerie. *Nampandoavina* roan-jato aho tamin' io rafi-bato io. Je vais vous — un livre. *Hividy* boky ananikiray aminao aho. Il a pris un métier fort rude. *Nifidy* raharaha mafy izy. Elle a pris le voile. *Nilatsaka* ho masera izy. Quel chemin — ? Iza no lálana *harahina, hombana* ? Vous avez pris la route la plus longue *Nanaraka, nomba* ny lálana lavidavitra kokoa hianao. 5° *fig.* Mandray, mitondra, miantoka, miandraikitra, manandoka. Vous prenez mal mes paroles. Ratsy ny *andraisanao* ny teniko. Il a mal pris mon affaire. Ratsy ny *nitondrany* ny raharahako. Je prends cela sur moi. Izaho *miantoka, miandraikitra* izany, ataoko izany na dia tsy nahazo lálana aza aho. — une affaire à ses risques. *Miandraikitra* raharaha na dia maty antoka aza. — le titre de prince. *Manandoka* ny fiandrianan' ny zanak' andriana. 6° —, Manomboka, manaraka, manao, miha..., man..., mi.... Prenez la chose de plus haut. *Atombohy* alohaloha hiany izany tantara izany. Il a pris la bonne voie. *Nanaraka* ny lálana tsara izy, *nanao* izay tokony hahatanterahana izany izy. — son parti. *Manao* fikasana raikitra, mandeditra. — une personne pour une autre. *Manao* olona anankiray ho olon-kafa. — congé. *Manao* veloma. — son temps. *Manao* miadana, tsy rototra. — une habitude. *Mihazatra.* — à bail. *Manofa.* — garde. *Mitandrina.* — parti pour quelqu'un. *Miandany* amin' olona.

—, *vn.* 1° Maka, manesotra. Il prend sur son nécessaire pour donner aux pauvres. Ny ilainy no *akany, anesorany* hanomezana ny mahantra. 2° —, Mamaka, mahazo fototra, latsa-paka, maniry. Cet arbre a bien pris. Efa *namaka*, etc., tsara io hazo io. 3° —, Mivongana, mandry, miraikitra, mahazo. Le lait a pris. *Nivongana, nandry* ny ronono. Le vésicatoire a pris. *Niraikitra* ny bilisitra. Le feu a pris à la maison. *Nahazo* ny trano ny afo. 4° —, Mahomby. Ce livre prendra. *Hahomby* io boky io.

Se prendre, *vpr.* 1° Misarangotra, misingotra. Sa robe s'est prise aux buissons. *Nisarangotra, nisingotra* tamy ny hery ny zipony. 2° —, Mivongana, mandry, doroka. Se — de vin. *Doroky* ny divay. 3° *fig.* Ce mot se prend ici dans un autre sens. Misy hevitra hafa io teny io. Se — de paroles. Mifanjihi-bava. S'en — à quelqu'un. Manilika amy ny hafa. S'y — bien. Manao izay ahatanterahanjavatra.

PRENEUR, EUSE, *adj.* 1° Mpanofa. 2° —, Mpihinana, mpisotro. — de tabac. *Mpihinam*-paraky. — de thé. *Mpisotro* dité.

PRÉNOM, *sm.* Fanampin' anarana, anarana amy ny batemy.

PRÉOCCUPATION, *sf.* Fahavariana-na, fahaverezan-kevitra, fiahiana.

PRÉOCCUPÉ, ÉE, *adj.* Feno, variana, very hevitra, miahy.

PRÉOCCUPER, *va.* Mameno, mahavariana, mahavery hevitra, ahína. Cette idée le préoccupe. *Feno* izany hevitra izany ny sainy. Cette affaire le préoccupe. *Mahavariana, mahavery hevitra* azy, *ahiny* loatra izany raharaha izany.

Se préoccuper, *vpr.* Variana, very hevitra, miahy.

PRÉOPINANT, *sm.* Mpamoaka ny heviny alohan'ny sasany.

PRÉOPINER, *vn.* Mamoaka ny heviny alohan' ny sasany.

PRÉPARATEUR, *sm.* Mpanamboatra, mpanomana, mpampiomana.

PRÉPARATIF, *sm.* Fanamboarana, famboarana, fanomanana, fiomanana, famononana, fivononana, fitaovana. Il s'occupe des préparatifs de guerre. *Manamboatra, manomana, mamonona, mitao* ny zavatra hoenti-miady izy.

PRÉPARATION, *sf.* Fanamboarana, famboarana, fanomanana, fiomanana, famononana, fivononana, fitaovana, fampiomanana. La — du médicament a été mal faite. Ratsy ny *nanamboarana* ny fanafody. Il prêche sans —. Mitory teny tsy *niomana* izy.

PRÉPARATOIRE, *adj.* Mampiomana. Cours —. Fampianarana *mampiomana.*

PRÉPARER, *va.* 1° Manamboatra, mamboatra, manomana, mamonona, mitao, mampiomana. — un mets. *Manamboatra, mamboatra* nahandro. — un logement. *Manamboatra, manomana* trano. — ce qu'il faut pour un voyage. *Manamboatra, manomana, mamonona* ny zavatra hoenti-mandeha. — un discours. *Manomana* lahateny. — des élèves à un examen. *Mampiomana* mpianatra ho amy ny fanadinana. 2°—, Mahatonga. Cela nous prépare de grands malheurs. *Hahatonga* loza lehibe amintsika izany.

Se préparer, *vpr.* 1° Miomana, mivonona. Se — au combat. *Miomana, mivonon*-kiady. 2°—, Madiva ho, mitatao, antomotra. Une grande révolution se prépare. *Madiva hisy* fikorontanana lehibe. Un orage se prépare. Efa *mitatao, antomotra* ny ranonoram-baratra.

PRÉPONDÉRANCE, *sf.* Hahery lanja.

PRÉPONDÉRANT, ANTE, *adj.* Mahery lanja. Homme —. Olona *mahery lanja.* Voix prépondérante. Latsa-bato *mahery lanja.*

PRÉPOSÉ, ÉE, *adj.* Voatendry, notendrena.

—, *s.* Mpanao raharaha. Les préposés de la douane. Ny *mpanao raharaha* amy ny ladoany.

PRÉPOSER, *va.* Manendry. On l'a préposé à la conduite des travaux. *Voatendry* mba hitarika ny raharaha izy.

PRÉPOSITIF, IVE, *adj.* Manao ny asan' ny preposisiona. Locution prépositive. Fombam-pitenenana *manao ny asan' ny preposisiona.*

PRÉPOSITION, *sf.* Teny mampifandray teny roa, preposisiona.

PRÉROGATIVE, *sf.* Tombon-tsoa. Cette église a de grandes prérogatives. Manana *tombon-tsoa* lehibe io trano leglizy io. Voy. PRIVILÈGE.

PRÈS, *prép.* 1° Akaiky, anila, antomotra. Il est — de la rivière. Ao *akaiky, anilan'* ny renirano izy. Nous sommes — de l'hiver. *Manakaiky* ny ririnina isika, efa *antomotra* ny ririnina. 2° —, Efa ho, madiva ho, ambivitra. Il est — de mourir. *Efa ho, madiva ho* faty, ambavahoana izy, *ambivitra* ny ainy. 3°—, Saika. Il dépense — de dix mille francs. *Saika* ariary roa arivo no laniny. 4° *fig.* Serrer quelqu'un de —. Manenjika olona mafy. Tenir quelqu'un de—. Mitandrina olona tsara. Être — de ses pièces. Kely vola.

À peu près, *loc. adv.* Voy. ce mot.

À cela près, *loc. adv.* Na dia izany aza.

PRÉSAGE, *sm.* 1° Fambara. Cela est d'un heureux—. *Fambara* tsara izany. C'est un oiseau de sinistre—. Vorona *fambara* loza izany. 2°—, Vinany. Mes présages se sont accomplis. Tanteraka ny *vinany* nataoko.

PRÉSAGER, *va.* 1° Manambara. 2°—, Maminany.

PRESBYTE, *adj.* et *s.* Manao mason' antitra, manao mason-jokiny.

PRESBYTÈRE, *sm.* Tranon' ny *curé.*

PRESCIENCE, *sf.* Fahalalana ny ho avy.

PRESCRIPTIBLE, *adj.* Azo rahefa ela, tsy aloa rahefa ela.

PRESCRIPTION, *sf.* Fahazoan-karena araka ny lalána rahefa ela, fahafahana tsy handoa trosa araka ny lalána rahefa ela. 2°—, Taratasim-panafody. Prescriptions médicales. *Taratasim-panafody* omen' ny dokotera.

PRESCRIRE, *va.* 1° Mandidy. J'ai exécuté tout ce que vous m'avez prescrit. Notanterahiko avokoa ny zavatra rehetra *nandidianao* ahy. 2°—, Mahazo harena noho ny ipetrahana ela, afaka tsy handoa trosa noho ny ela. Il a prescrit cette terre. *Nahazo* io tany io izy *noho ny nipetrahany ela* taminy. Il a prescrit sa dette. *Afaka tsy handoa trosa* izy *noho ny ela.*

—, *vn.* Manafoana, mahafoana. L'usage ne peut — contre la justice. Ny fanao tsy *mahafoana* ny rariny.

Se prescrire, *vpr.* 1° Mamehy tena. Il a enfreint la loi qu'il s'était prescrite. Nandika ny lalána *namehezany tena* izy. 2°—, Azo noho ny nipetrahana ela, tsy aloa noho ny ela. Les droits des mineurs ne se prescrivent point. Tsy *azo noho ny nipetrahana ela* ny any ny tsy maoty.

PRÉSÉANCE, *sf.* Fialohana. Se disputer la —. Miady *fialohana.*

PRÉSENCE, *sf.* 1° Fisiana, fanatrehana, fanoloanana. Ils croient la — réelle. Mino ny *fisiany* Jeso-Kristy ao amy ny eokaristia izy ireo. L'état de ses affaires réclame sa —. Ny toetry ny raharahany manery azy mba *hanatrika, hanoloana.* Il a fait cela en ma —. Nanao izany teo *anatrehako, anoloako* izy. Mettez-vous en la — de Dieu. Hevero fa eo *anatrehana, anoloan'* Andriamanitra hianareo. 2° *fig.* — d'esprit. Hafainganan-tsaina. Il a répondu avec une — d'esprit admirable. Namaly *tamim-pahafainganan-tsaina* mahagaga izy.

En présence, *loc. adv.* Anatrehana, anoloana, imaso. Les armées sont en —. *Mifanatrika* ny tafika roa tonta.

PRÉSENT, *sm.* Fanomezana, fanatitra, kadô.

PRÉSENT, ENTE, *adj.* 1° Ao, misy, manatrika, manoloana. Jésus-Christ est — dans l'eucharistie. *Ao* amy ny eokaristia Jeso-Kristy. Dieu est — partout. *Misy* an' Andriamanitra ny ftoerana rehetra. J'y étais —. *Tao* aho, *nanatrika, nanoloana* izany aho. 2° *fig.* Tsarovana. Cela est toujours — à mon esprit. *Tsaroako* mandrakariva izany.

3°—, Ankehitriny. La vie présente. Ny fiainana *ankehitriny.*

—, *sm.* Ny ankehitriny. Il ne s'occupe que du —. Tsy miahy afa-tsy *ny ankehitriny* izy.

À présent, *loc. adv.* Ankehitriny, izao.

PRÉSENTABLE, *adj.* 1° Azo atolotra, fanolotra. 2° *fig.* Azo aseho.

PRÉSENTATION, *sf.* 1° Fanolorana, fanehoana. La — de la Vierge. Ny *nanolorany* Masina Mary tena. 2°—, Fampidirana, fampandrosoana, fanaterana.

PRÉSENTEMENT, *adv.* Ankehitriny, izao.

PRÉSENTER, *va.* 1° Manolotra. — des fruits. *Manolotra* voankazo. — un livre. *Manolotra* boky. 2° —. Mampiditra, mampandroso, mitondra, manatitra. — quelqu' un à la cour. *Mampiditra,* etc., olona anaty rova. 3°—, Manambana. — la baïonnette. *Manambana* amy ny benitra. 4° *fig.* Milaza, mampiseho, misy. Il a présenté clairement les faits. *Nolazainy, nasehony* mazava ny zavatra samihafa niseho. Ce pays présente des ressources. *Misy* zava-tsoa maro izany tany izany. ‖ *loc.* —les armes à un officier. Manao sapaoritra ny manamboninahitra anankiray. — les armes au souverain. Manao porizenitra andriana. —la bataille. Mihaika hiady. Voy. OFFRIR

Se présenter, *vpr.* 1° Manolo-tena, miseho, mamangy. Se — pour une place. *Manolo-tena* mba hanao raharaha anankiray. Se — devant le juge *Miseho* eo anatrehan' ny mpitsara. Il se présente bien. Kinga izy raha *miseho* eo anatrehan' ny olona. Il se présente gauchement. Dondrina izy raha *miseho* eo anatrehan' ny olona. Se — chez un ami *Mamangy* sakaiza. La première chose qui s'est présentée devant moi. Ny zavatra voalohany *niseho* teo anatrehako. 2° *fig.* Miseho, misy. Une difficulté se présente. Misy zava-tsarotra *miseho.* Cette affaire se présente bien. *Miseho* ho tsara izany raharaha izany.

PRÉSERVATEUR, TRICE, *adj.* Miaro, mitahiry. Médecine préservatrice. Fanafody *miaro.*

PRÉSERVATIF, IVE, *adj.* Maharo.

—, *sm.* 1° Fanafody maharo, fanefitra. 2° *fig.* Zavatra maharo. La sobriété est un — contre la maladie. Ny fahalalampetra amy ny hanina sy ny fisotro *maharo* amy ny aretina.

PRÉSERVATION, *sf.* Fiarovana, fitahirizana.

PRÉSERVER, *va.* Miaro, mitahiry. Dieu nous a préservé de ce fléau. Andriamanitra no *niaro* antsika tamin' izany loza izany. Dieu a préservé son corps de la corruption. Andriamanitra *nitahiry* ny fatiny tsy ho lo.

Se préserver, *vpr.* Miaro tena, mitahiry tena. Se — de la contagion. *Mitahiry tena* amy ny areti-mifindra.

PRÉSIDENCE, *sf.* 1° Raharahan' ny mpitarika amy ny fivoriana, raharahan'ny presidenta. 2°—, Tranon' ny presidenta.

PRÉSIDENT, *sm.* Mpitarika amy ny fivoriana, presidenta.

PRÉSIDENTE, *sf.* 1° Vehivavy mpitarika amy ny fivoriana. 2°—, Vadin' ny presidenta.

PRÉSIDENTIEL, ELLE, *adj.* Momba ny presidenta. Fonctions présidentielles. Raharahan' ny *presidenta.*

PRÉSIDER, *va.* Mitarika. C'est lui qui a présidé l'assemblée. Izy no *nitarika* ny fivoriana.

—, *vn.* Mitarika, mitondra. Il préside mal. Tsy mahay *mitarika* izy. La Providence préside à l'ordre de l'univers. Andriamanitra *mitondra* an' izao tontolo izao.

PRÉSOMPTIF, IVE, *adj.* Héritier —. Mpandova voalohany.

PRÉSOMPTION, *sf.* 1° Antony hiheverana. Il y a de grandes présomptions contre lui. Misy *antony* lehibe *hiheverana* fa tsy marina ny azy. 2°—, Hambo, fihamboana. ebo, fieboana.

PRÉSOMPTUEUSEMENT, *adv.* Amim-pihamboana, amim-pieboana.

PRÉSOMPTUEUX, EUSE, *adj.* 1° Mihambo, be hambo, miebo, be ebo. Homme —. Olona *mihambo,* etc. 2°—, Mampiseho hambo, mampiseho ebo. Projets —. Fikasana *mampiseho hambo,* etc.

—, *sm.* Mpihambohambo, mpieboebo.

PRESQUE, *adv.* Efa ho, madiva ho, saika. L'ouvrage est — achevé. *Efa ho,* etc., vita ny asa.

PRESQU'ÎLE, *sf.* Tanjona saika nosy.

PRESSAGE, *sm.* Fanerena, famoritana. Le — du papier. Ny *fanerena,* etc., ny taratasy.

PRESSANT, ANTE, *adj.* 1° Mandodona. Vous êtes trop—. *Mandodona* loatra hianao. 2° —, Mahadodona, maika, mahamaika, mahatery, mahaporitra, mafy, lehibe. L'affaire est pressante. *Mahadodona, maika, mahamaika* ny raharaha. Dans une nécessité pressante. An-*kamehana.* Il est dans un besoin —. *Tery, poritra* izy. Des sollicitations pressantes. Fangatahana *mafy,* fitampesonana, fiambozoana. Des raisons pressantes. Antony *lehibe.*

PRESSE, *sf.* 1° Vahoaka misesika, — mifanesika, — mifanizina, — mifanitsakitro. Il y a — pour l'entendre. Misy *vahoaka misesika,* etc., mba hihaino azy. 2°—, Fanerena, presy. Mettre des livres en —. Mamoritra boky amy ny *fanerena,* etc. — d'imprimerie. *Fanerena,* etc., fanaovam-printy. 3°—, Fanaovam-printy, fanontana. L'ouvrage est sous —. *Atao printy, atonta, tontaina* izao ny boky. Faire gémir la—. *Mampanonta* boky. Il y a liberté de la —. Samy mahazo *mampanao printy, mampanonta* izay tiany.

PRESSÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Voatery, noterena, tery, voaporitra, noporitina, poritra, voafia, nofiazana, voafihina, nofihinina, voatsindry, notsindriana. Les ennemis sont pressés de toutes parts. *Tery, poritra* be hiany ny fahavalo. — par la faim. *Tery, poritry* ny hanoanana. 2°—, Mifanizina, mifanitsaka, mifanety. Les rangs sont pressés. *Mifanizina, mifanety* ny laharana. 3°—, Voadodona, nododonana, dodona, nohafainganina, maika. — de parler. *Dodona, maika* hitony. Affaire pressée. Raharaha *maika.*

PRESSENTIMENT, *sm.* Fanahiana.

PRESSENTIR, *va.* Manahy, manindry mandry, manandindona. Il avait pressenti sa mort. Efa *nanahy* ny ho faty izy, efa *nanindry mandry, nanandindona* azy ny ho faty.

PRESSE-PAPIERS, *sm.* Fanindriantaratasy.

PRESSER, *va.* 1° Manery, mahatery, mamoritra, mahaporitra, mamia, mamihina, manindry. — du raisin. *Manery, mamoritra, mamia* voaloboka. — un citron. *Mamoritra, mamia* voasary. — quelqu'un entre ses bras. *Mamihina* olona. —quelque chose avec la main. *Manindry* zavatra amy ny tánana. — l'ennemi. *Manery, mamoritra* ny fahavalo. Le besoin le presse. *Manery, mahatery, mamoritra, mahaporitra* azy ny tsy fahampiana. 2° —, Mampifanety. Pressez vos rangs. *Ampifaneteo* ny laharanareo. 3°—, Mandodona, mana-

faingana. Les ouvriers ne font rien, si on ne les presse. Tsy mahavita na inona na inona ny mpiasa, raha tsy *dodonana, hafainganina*. Pressez le pas. *Hafaingano* ny dianao.

—, *vn*. 1° Mahatery, mahaporitra. 2°—, Mahadodona, mahamaika, maika. Le temps presse. *Mahadodona, mahamaika* ny fotoana. L'affaire presse. *Mahadodona*, etc., ny raharaha.

Se presser, *vpr*. 1° Misesika, mifanesika, mifanizina, mifanitsaka, mifanety. La foule se pressait dans l'église pour l'entendre. *Nisesika, nifanesika* tao an-trano leglizy ny vahoaka mba hihaino azy. La foule se pressait autour de lui. *Nifanizina, nifanitsaka, nifanety* nanangorona azy ny vahoaka. Pressez-vous les uns contre les autres. *Mifaneté* hianareo. 2°—, Midododo, dodona, maika. Si vous ne vous pressez, vous arriverez trop tard. Raha tsy *midododo*, etc., hianareo, dia ho tratra aoriana.

PRESSIER, *sm*. Mpanonta amy ny presy.

PRESSION, *sf*. 1° Fanerena, fanindriana. 2° *fig*. Fitarihana, fitaomana. Exercer une — sur les électeurs. *Mitarika, mitaona* ny mpifidy.

PRESSOIR, *sm*. Milina fanerena. Fouler le raisin dans un —. Mamoritra voaloboka amy ny *milina fanerena*.

PRESSURAGE, *sm*. Famoritana amy ny milina fanerena.

PRESSURER, *va*. 1° Mamoritra amy ny milina fanerena. — la vendange. *Mamoritra* voaloboka *amy ny milina fanerena*. 2°—, Mamia, mamoritra. — un citron. *Mamia*, etc., voasary. 3° *fig*. Homam-bahoaka, mikapa. — une province. *Homam-bahoaka* amy ny fari-tany iray. — quelqu'un. *Mikapa* olona.

PRESSUREUR, *sm*. Mpamoritra amy ny milina fanerena.

PRESTANCE, *sf*. Tsanganana. Il a une belle —. Tsara *tsanganana, tsanganana* izy.

PRESTATION, *sf*. — de serment. Fianianana, fivelesan-drano.

PRESTE, *adj*. Kinga, mailaka, haingana.

PRESTEMENT, *adv*. Haingana. S'habiller —. Miakanjo *haingana*.

PRESTESSE, *sf*. Hakingana, hamailahana, hafainganana.

PRESTIDIGITATEUR, *sm*. Mpanao majika, kinga tánana.

PRESTIGE, *sm*. 1° Fanova-maso, fanjambana, fankatoavana. 2° *fig*. Zava-mahatalanjona.

PRESTIGIEUX, EUSE, *adj*. 1° Misy fanova-maso, misy fanjambana, misy fankatoavana. 2° *fig*. Mahatalanjona. Éloquence prestigieuse. Fahaiza-mandaha-teny *mahatalanjona*.

PRÉSUMABLE, *adj*. Azo vinanina, azo heverina. Il est — qu'il viendra. *Azo vinanina*, etc., fa ho avy izy.

PRÉSUMÉ, ÉE, *adj*. Atao ho..., heverina ho.... Une chose présumée vraie. Zavatra *atao*, etc., *ho* marina.

PRÉSUMER, *va*. Manao, mihevitra. Je présume qu'il viendra. *Ataoko, heveriko* fa ho avy izy. Que présumez-vous de l'affaire ? Inona no *fihevitrao* izany raharaha izany ?

—, *vn*. Matoky, mihambo, mieboebo. Vous présumez trop de votre ami. *Matoky* loatra ny sakaizanao hianao. Il présume trop de lui-même. *Matoky* tena loatra, *mihambohambo, mieboebo* loatra izy.

PRÉSUPPOSER, *va*. Mihevitra rahateo ho marina. Ce que vous présupposez là est peu vraisemblable. Toa tsy marina izay *heverinao rahateo ho marina*.

PRÉSUPPOSITION, *sf*. Fiheverana rahateo ho marina.

PRÉSURE, *sf*. Zavatra fampandriandronono.

PRÊT, *sm*. 1° Fampindramana, fampisamborana, fampananana, fampanjanahana. 2°—, Vola ampisamborina, — ampananaina, — ampanjanahina.

PRÊT, ÊTE, *adj*. Vonona, efa niomana, voavoatra. Il est — à partir. *Vonona, efa nioman*-kandeha izy. Le dîner est —. *Voavoatra* ny sakafo.

PRÊTANTAINE, *sf*. Courir la —. Miriorio foana hoatra ny firaka atakalo.

PRÉTENDANT, ANTE, *s*. 1° Mpikendry, mpanantena, mpanandrandra. 2°—, Printsa manantena hanjaka.

—, *sm*. Mpanandrandra vehivavy anankiray ho vady.

PRÉTENDRE, *va*. 1° Mitady, mikendry, manantena, mihambo. — sans avoir aucun droit. *Mihambo*. Il prétend marcher avant lui. *Mitady*, etc., hialoha azy izy. 2°—, Milaza. Je prétends que cela n'est pas vrai. Izaho *milaza* fa tsy marina izany. 3°—, Mikasa. J'ai prétendu plaisanter. *Nikasa* hanao kivazivazy

aho. 4°—, Tsy maintsy. Je prétends qu'il me cède. *Tsy maintsy* hanaiky ahy izy.

—, *vn*. Mikendry, manantena, manandrandra, mihambo. Il prétend à cette charge. *Mikendry, manantena, manandrandra* izany raharaha izany izy, *mihambo* bahazo izany raharaha izany izy.

PRÉTENDU, UE, *adj*. Sandoka, tsy marina. Ce — gentilhomme. Io andriandahy *sandoka* io.

—, *s*. Fofom-bady.

PRÊTE-NOM, *sm*. Olona atao solovaika.

PRÉTENTIEUX, EUSE, *adj*. 1° Mihambo, mieboebo. Personne prétentieuse. Olona *mihambohambo*, etc. 2°—, Miangolangola, miangentsana, miangesongeso, mihaitraitra. Style —. Laha-teny *miangolangola*, etc. Voy. Affecté.

PRÉTENTION, *sf*. 1° Fitadiavana, fikendrena, fanantenana, fanandrandrana. Je n'ai pas la — de l'emporter sur vous. Tsy *mitady, mikendry, manantena* hihoatra anao aho. 2° —, Hambo, fihamboana, ebo, fieboana. C'est un homme à prétentions. Olona be *hambo, mihambo, be ebo, miebo* izy.

PRÊTER, *va*. 1° Mampindrana, mampisambotra, mampanàna, mampanjanaka. — un livre. *Mampindrana* boky. — de l'argent. *Mampisambo*-bola. — de l'argent à intérêt. *Mampanàna, mampanjana*-bola. 2° *fig*. — secours. Mamonjy, manampy. — l'oreille. Manongilan-tsofina. — serment. Mianiana, mively rano. — serment de fidélité au roi. Mianiana, mively rano mba hanaiky ny mpanjaka, misotro vokaka, milefona omby. — le flanc à la critique. Mila vavam-bahoaka, mila lolotramalona. La lune prête sa lumière à la terre. Ny volana manazava ny tany. — à quelqu'un des torts. Manendry ratsy olona.

—, *vn*. 1° Mitatra, miroritra. Le cuir prête. *Mitatra*, etc., ny hoditra ualóna. 2° *fig*. Azo itarina. Ce sujet prête. *Azo itarina* izany foto-teny izany.

Se prêter, *vpr*. Manaram po, manaiky. Il se prête au plaisir. *Manaram-po* amy ny fifaliana izy. Se — à un accommodement. *Manaiky* hifanaraka. Il se prête aux exigences de son enfant. *Manaiky* izay angatahin' ny zanany izy, manarana, mampihanta zanaka izy.

PRÊTEUR, *sm*. Mpitsara tany Roma, governora romana.

PRÊTEUR, EUSE, *adj*. et *s*. Mampindrana, mampisambotra, mampanàna, mampanjanaka.

PRÉTEXTE, *sm*. Fialana, antony. Il prend pour — son indisposition. Manao *fialana* izy fa marisarisa. Chercher un —de querelle. Mitady *antony* hifandirana.

Sous prétexte, *loc. prép*. Mody, ho fialana, ho antony.

PRÉTEXTER, *va*. Mody, manao fialana, milaza ho antony. Il a prétexté une maladie. *Nody* narary izy, *nanao fialana* noho ny aretina, *nilaza ho* narary izy.

PRÉTOIRE, *sm*. Trano fitsarana tamy ny Romana.

PRÉTORIEN, IENNE, *adj*. 1° Momba ny *préteur*. 2°—, Prétoriens ou garde prétorienne. Mpiambina ny emperora romana.

PRÊTRE, *sm*. Mpitahiry sampy, mpisorona, pretra, mompera. Le grand—de la loi. Ny *mpisorom*-be tamy ny lalàna taloha. Il s'est fait—. Tonga *pretra, mompera* izy.

PRÊTRESSE, *sf*. Vehivavy mpitahiry sampy.

PRÊTRISE, *sf*. Raharahan' ny pretra, fanamasinana ho pretra. Il a reçu la—. *Nohamasinina ho pretra* izy.

PREUVE, *sf*. 1° Porofo, fanamarinana. Donnez des preuves de ce que vous avancez. *Porofoy, hamarino* izay lazainao. 2°—, Famantarana, vavolombelona, fampisehoana. Recevez cet avis comme une —de mon attachement pour vous. Raiso izao anatra izao ho *famantarana*, ho *vavolombelona* ny fitiavako anao. Il a donné des preuves de son courage, il a fait—de courage. *Nampiseho* ny herimpony izy.

PREUX, *adj*. et *sm*. Mahery fo, mpahery.

PRÉVALOIR, *vn*. Mahery, maharesy. Son adversaire a prévalu. *Nahery, naharesy* azy ilay niady taminy.

Se prévaloir, *vpr*. Mirehareha. Se— de sa fortune. *Mirehareha* noho ny hareny.

PRÉVARICATEUR, *sm*. Mpivadika.

PRÉVARICATION, *sf*. Fivadihana.

PRÉVARIQUER, *vn*. Mivadika.

PRÉVENANCE, *sf*. Famalifaliana.

PRÉVENANT, ANTE, *adj*. Mamalifaly.

PRÉVENIR, *va*. 1° Tonga aloha, mana-

aloha, mialoha. La nouvelle a prévenu le courrier. *Tonga talohan'* ny taratasy ny zava-baovao. Il voulait venir me voir, mais je l'ai prévenu. Nikasa hamangy ahy izy, fa izaho *namangy* azy *aloha*. La sagesse a prévenu l'âge. *Nialoha* ny taona ny fahendrena. 2°—, Manao rahateo, mamalifaly —, mamaly —, misakana —, mampandre —. Il a prévenu mes désirs. *Nanao rahateo* izay niriko izy. Il m'a prévenu par toutes sortes de bons offices. *Namalifaly* ahy *rahateo* tamy ny zava-tsoa maro nataony izy. Il prévient les objections. *Mamaly rahateo* ny fanoherana izay hatao izy. — un malheur. *Misakana rahateo* ny loza. Il m'a prévenu de son arrivée. *Nampandre* ahy *rahateo* ny hahatongavany izy. 3°—, Mitarika, mandango. Il a prévenu le ministre en votre faveur. *Nitarika, nandango* ny ministra mba hanampy anao izy.

Se prévenir, *vpr.* 1° Mifampandre rahateo. 2°—, Mitsara an-tendrony, mitompo teny fantatra rahateo. Vous vous prévenez aisément. Mora *mitsara an-tendrony*, etc., hianao.

PRÉVENTIF, IVE, *adj.* 1° Misakana. Loi préventive. Lalána *misakana*. 2°—, Prison préventive. Fonja.

PRÉVENTION, *sf.* 1° Fitsarana an-tendrony, hevitra itompoana rahateo. Un juge ne doit avoir aucune —. Tsy mety raha *mitsara an-tendrony* ny mpitsara. Il est plein de préventions. Maro *hevitra itompoana rahateo* izy 2°—, Fiampangana, fonja. Il est en —. *Voampanga* izy. Il a fait trois semaines de —. Nitoetra roatokom-bolana tao anaty *fonja* izy.

PRÉVENU, UE, *adj.* 1° Mitsara antendrony, mitompo teny fantatra rahateo. L'homme — ne vous écoute pas. Tsy azo atodika ny olona *mitsara an-tendrony*, etc. 2°—, Voampanga, manan-teny. Il est — de meurtre. *Voampanga*, etc., ho namono olona izy.

—, *s.* Ny voampanga, ny manan-teny.

PRÉVISION, *sf.* Fahitana rahateo, vinany, faminaniana La — de Dieu. Ny *fahitan'* Andriamanitra *rahateo*.

PRÉVOIR, *va.* 1° Mahita rahateo, maminany. Je prévis ce qui arriverait. Efa *hitako rahateo*, efa *voavinaniko* izay ho tonga. 2°—, Miahy ny ho avy. On ne peut tout —. Tsy hita *ahina* avokoa ny zavatra rehetra ho avy.

PRÉVOT, *sm.* Lehibe mpikarakara taloha.

PRÉVOYANCE, *sf.* 1° Fahitana rahateo, faminaniana. 2°—, Fiahiana ny ho avy. Il a détourné le mal par sa —. Nivilian' ny loza izy satria *niahy ny ho avy*.

PRÉVOYANT, ANTE, *adj.* 1° Mahita rahateo, maminany. 2°—, Miahy ny ho avy.

PRIE-DIEU, *sm.* Fandohalihana.

PRIER, *va.* 1° Miangavy, mihanta, mangataka, mivavaka, mitalaho. Je vous prie de le protéger. Izaho *miangavy, mihanta, mangataka* aminao mba hiaro azy. — Dieu. *Mangataka, mivavaka* amin' Andriamanitra. — Dieu instamment. *Mitalaho* amin' Andriamanitra. — les saints. *Mangataka* amy ny olomasina. 2°—, Manasa. On l'a prié à diner. *Nasaina* hisakafo izy.

—, *vn.* Mangataka, mivavaka. — pour les morts. *Mangataka*, etc., ho any ny maty.

PRIÈRE, *sf.* Fiangaviana, fihantana, hataka, fangatahana, vavaka, fivavahana, fitalahoana. Il s'est rendu à mes prières. Nanaiky ny *fiangaviana*, ny *fihantana*, ny *hataka*, ny *fangatahana* nataoko taminy izy. Il aime la —. Tia *vavaka, fivavahana* izy. Livre de prières. Boky *fivavahana*.

PRIEUR, EURE, *s.* Lehiben'ny monastera.

PRIMAIRE, *adj.* Ambany. École —. Sekoly *ambany*.

PRIMAT, *sm.* Eveka ambonin' ny arseveka.

PRIMAUTÉ, *sf.* Fiamboniana. La — du pape. Ny *fiambonian'* ny papa.

PRIME, *sf.* 1° Vidim-piantohana. 2°—, Valisoa fanome an' izay manan tsara amy ny taozavatra na voly, etc.

PRIME ABORD (DE), *loc. adv.* Voy. ABORD.

PRIMER, *vn.* Miambony. Il aime à —. Te-*hiambony* izy.

—, *va.* Mihoatra — quelqu'un. *Mihoatra* olona.

PRIMEUR, *sf.* 1° Fiandohana. Les pois sont chers dans la —. Sarotra ny pitipoa raha vao *miandoha*. 2°—, *pl.* Voalohambokatra.

PRIMITIF, IVE, *adj.* 1° Voalohany indrindra. Langue —. Fiteny *voalohany indrindra*. La primitive Église. Ny Eglizy *voalohany indrindra*. 2°—, Fototra. Mot —. *Foto*-teny.

PRIMITIVEMENT, *adj.* Tamy ny voalohany.
PRIMO, *adv.* Voalohany.
PRIMOGÉNITURE, *sf.* Fizokiana.
PRIMORDIAL, ALE, *adj.* Voalohany.
PRIMORDIALEMENT, *adv.* Tamy ny voalohany.
PRINCE, *sm.* 1° Zanak' andriana (lahy), andriandahy, printsa. 2° —, Mpanjaka (lahy), emperora. 3° *fig.* Loha, filoha. Le — des orateurs. Ny *loha*, etc., ny mpandaha-teny. Les princes de l'Église. Ny *filohan'* ny Eglizy, dia ny kardinaly, ny eveka. Le — des Apôtres. Ny *filohan'* ny Apostoly, dia Md. Piera. Le — des ténèbres. Ny *filohan'* ny maizina, dia ny demony.
PRINCESSE, *sf.* Zanak' andriana (vavy), andriambavy, printsesa. 2° —, Mpanjakavavy. 3° *fig.* Faire la —. Mirehareha, miadokadoka, manandrian-tena foana.
PRINCIER, IÈRE, *adj.* Any ny zanak' andriana, any ny printsa.
PRINCIPAL, ALE, *adj.* Voalohany, lehibe indrindra, fototra, renibe, voalohandohany, zokinjokiny. C'est là son — défaut. Izany no tsininy *voalohany, lehibe indrindra.* Le riz est la principale nourriture du pays. Ny vary no *foto*-kanina, *reniben*-kanin' ny mponina. L'idée principale d'un ouvrage. Ny *foto*-kevitry ny boky. Les principales vérités de la religion. Ny *fotopototry* ny fivavahana. Les principaux magistrats. Ny lehibe *voalohandohany, zokinjokiny.* Voy. CAPITAL.
—, *sm.* 1° Zavatra voalohany, — lehibe indrindra, voalohandohany, lohandohany, zokinjokiny. Voici le — de l'affaire. Inty ny *zavatra voalohany, lehibe indrindra* amin' izany raharaha izany. Les principaux de la ville. Ny *voalohandohany, lohandohany, zokinjokiny* ao an-tanána. 2° —, Renivola. Rembourser intérêt et —. Mandoa ny zana-bola sy ny *reniny.*
PRINCIPALEMENT, *adv.* Indrindra.
PRINCIPE, *sm.* 1° Fototra, ihaviana, voalohany. Dieu est le — de toutes choses. Andriamanitra no *fototra, ihavian'* ny zavatra rehetra. Le — de la chaleur. Ny *fototry* ny hafanana. Dès le — Tamy ny *voalohany.* 2° —, Fotopototra, foto-kevitra, antony, lalána, fitsipi-pitondrantena. Il étudie les principes de la peinture. Mianatra ny *fotopototry* ny fahaizana manoso-doko izy. Établir un —. Manaporofo *foto-kevitra* anankiray. Il ne se conduit que par de faux principes. Tsy marina ny *foto-kevitra* arahiny amy ny fitondran-tenany. Il agit par un — de vanité. Ny firehareha no *anton'* ny ataony. Il suit les principes du christianisme. Manaraka ny *lalán'* ny fivavahana kristiana izy. Il n'a point de principes. Tsy manana *fitsipi-pitondran-tena* izy.
PRINTANIER, IÈRE, *adj.* Amy ny lohataona, miseho raha lohataona. Fleur printanière. Voninkazo *miseho raha lohataona.*
PRINTEMPS, *sm.* 1° Lohataona. 2° *fig.* Andron' ny fahatanorana. Il regrette son —. Malahelo ny *andron' ny fahatanorany* izy.
PRIORITÉ, *sf.* Fialohana.
PRIS, ISE, *p.* et *adj.* 1° Nalaina, voaray, noraisina, voasambotra, nosamborina, nentina. Ce mot est — du grec. *Nalaina* avy amy ny teny grika izany teny izany. 2° —, Azo, tratra. 3° —, Mandry, doroka. La rivière est prise. *Mandry* ny renirano. — de vin. *Doroky* ny divay. 4° *fig.* Il a été — par les yeux. Voafitaky ny maso izy. Personne bien prise. Olona bikána. Voy. PRENDRE.
PRISE, *sf.* 1° Fakána, fahazoana, fandraisana, fisamborana, fitarihana. J'ai assisté à la — de la ville. Nanatrika ny *nakána,* ny *nahazoana* ny tanána aho. Il n'y a point de —. Sarotra ny *mandray,* ny *misambotra* azy. — d'armes. *Fandraisam*-piadiana. — d'habit. *Fandraisana* ny akanjon-drelijiozy. On a décerné une — de corps contre lui. Nasaina *nosamborina* izy. — d'eau. *Fitarihan*-drano, ranovelona. 2° —, Zavatra azo, — voasambotra, babo. Il amena sa — dans le port. Nentiny tao amy ny seranana ny *zavatra azony, — voasambony, ny babony.* 3° —, Ady, fanditra. En être aux prises. *Miady, mifanditra.* 4° —, Indray mitsingina. Prendre une — de tabac. Maka paraky *indray mitsingina.* 5° *fig.* Il donne — à la critique. Mila vavam-bahoaka, mila lolotramalona izy. Lâcher —. Mandefa, miala, mikoy. En être aux prises avec la mort. Efa ho faty, ambavahoana.
PRISÉE, *sf.* Fanombanana entana amy ny lavanty. Faire la —. *Manombana entana amy ny lavanty.*

PRISER, *va.* 1° Manombana. 2° *fig.* Manao ho zavatra. Voy. ESTIMER.
—, *vn.* Mitroka paraky an' orona.
PRISEUR, EUSE, *s.* 1° Mpitroka paraky an' orona. 2°—, Mpanombana entana amy ny lavanty. Commissaire—. Iraky ny fanjakana *mpanombana entana amy ny lavanty.*
PRISMATIQUE, *adj.* Telo rirana, hita amy ny fitaratra telo rirana. Couleurs prismatiques. Volon-javatra *hita amy ny fitaratra telo rirana.*
PRISME, *sm.* Fitaratra na zavatra hata telo rirana.
PRISON, *sf.* 1° Tranomaizina. 2°—, Fanaovana an-tranomaizina. Il a été condamné à la—. Nohelohina *hatao an-tranomaizina* izy. 3° *fig.* Cette maison est une—. Maizimaizina ity trano ity.
PRISONNIER, IÈRE, *s.* 1° Ny ao antranomaizina, ny ao amy ny fonja. 2°—, Sambo-belona. —de guerre. *Sambo-belona.*
PRIVATION, *sf.* 1° Tsy fananana, fanesorana, fakana, fisakanana, tsy. Il est dans la—de toutes choses. Tsy *manana* na inona na inona izy. 2°—, Fifadiana. A force de privations, il a amassé un petit pécule. *Nifady* zàvatra maro izy, ka nahangona rakitra kely.
PRIVAUTÉ, *sf.* Fifankazaran-doatra.
PRIVÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Tsy manana, nesorina, nalaina, voasakana, nosakanana, tsy. —de raison. *Tsy manantsaina.* —de sépulture. *Tsy* nalevina. Homme—de la vue. Lehilahy *tsy* mahita intsony, jamba. Corps—de vie. Vatana *tsy* miaina intsony, maty. Homme—de l'usage de ses membres. Lehilahy *tsy* mahetsika ny rantsam-batany intsony, malemy. 2°—, Isan' ny ankapobem-bahoaka, irery, manokana, isan' olona, tsirairay. Homme—. Olona *isan'ny ankapobem-bahoaka.* Intérêt—. Comme Intérêt particulier. Voy. PARTICULIER. || *loc.* Agir de son autorité—. Manao soa ampo. 3°—, Tamána. Oiseau—. Vorona *tamána.*
PRIVER, *va.* 1° Manesotra, maka, misakana. On l'a privé de tous ses biens. *Nesorina, nalaina* taminy avokoa ny fananany rehetra. On l'a privé de la vue de ses enfants. *Nosakanana* mba tsy hahita ny zanany izy. 2°—, Manatamána. Comme APPRIVOISER.
Se priver, *vpr.* Mifady. Se — de la promenade. *Mifady* fitsangantsanganana.

PRIVILÈGE, *sm.* 1° Fiamboniana, tombon-tsoa, levenam-bola. Il a été payé par —. Voaloa ny trosany noho ny *fiamboniany.* C'est un — de sa charge. *Tombon-tsoa* tsy misaraka amy ny raharahany izany. Les privilèges de la noblesse. Ny *tombon-tsoa* azon' ny andriana. 2° *fig.* Tombon-tsoa. La raison est le — de l'homme. Ny fisainana no *tombon-tsoan'* ny olombelona.
PRIVILÉGIÉ, ÉE, *adj.* 1° Nahazo fiamboniana, — tombon-tsoa, — levenambola. Créancier —. Tompon-trosa *nahazo fiamboniana.* 2° *fig.* Nahazo tombontsoa. L'homme est une créature privilégiée. Amy ny zavatra voary rehetra ny olombelona no *nahazo tombon-tsoa.*
—, *s.* Olona nahazo fiamboniana, — tombon-tsoa, — levenam-bola.
PRIX, *sm.* 1° Vidy, tombana, fanombanana. Fixer le — de la farine. Mandraikitra ny *vidin*-dafarina. Quel est votre —? Hoatrinona ny *vidiny,* ny *tombany* ataonao, ny *anombananao* azy? Cet objet est hors de —. Saro-*bidy izaitsizy,* efa *tomban*-tsy ambolena izany, lafo dia lafo izany. Vendre à bas —. Manao ambany *vidy.* Vendre à haut —. Manao ambony *vidy,* mivaro-bolony. Vendre à — fixe. Mivarotra tsy manisy *tombany,* manao varo-bazaha. Vendre au — coûtant. Voy. COÛTANT. 2° *fig.* Fahamendrehana, hasaro-bidy. On ne connait pas le — de cet homme. Tsy fantatry ny olona ny *fahamendrehan'* io lehilahy io. Il connait le — du temps. Mahalala ny *hasaro-bidin'* ny andro izy. 3° —, Valisoa, valy. Il a remporté le — de peinture. Nahazo *valisoa* tamy ny hoso-doko izy. Il a reçu le — de ses crimes. Nahazo ny *valin'* ny heloka nataony izy. || *loc.* Il a acheté la victoire au — de son sang. Ny ainy no nahazoany fandresena. Il a résolu d'en venir à bout à quelque — que ce soit. Mikasa hanatanteraka izany izy, na dia sarotra aza, na manao ahoana na manao ahoana.
Au prix de, *loc. prép.* Raha oharina. La gloire n'est rien au — du bonheur. Tsinontsinona ny voninahitra *raha oharina* amy ny hasambarana.
À tout prix, *loc. adv.* Na dia saro-bidy aza, na dia sarotra aza, na manao ahoana na manao ahoana.
PROBABILITÉ, *sf.* Toa. Il n'y a pas de — à ce que vous dites. *Toa* tsy marina izay lazainao.

PROBABLE, *adj.* Toa marina, toa. Cette opinion est plus — que l'autre. *Toa marina* kokoa noho ny hafa izany hevitra izany. Il est — qu'il tiendra parole. *Toa* hanaraka ny teny napetrany izy.

PROBABLEMENT, *adv.* Toa, tokony. — il perdra le procès. *Toa* ho resy amy ny ady izy. Viendra-t-il? —. Moa ho avy izy? *Tokony.*

PROBANT, ANTE, *adj.* Manamarina, manaporofo. Raison probante. Porofo *manamarina.*

PROBATION, *sf.* Fitsapana, fizahantoetra.

PROBE, *adj.* Tsara fanahy, manaraka ny rariny. Homme —. Olona *tsara fanahy,* etc.

PROBITÉ, *sf.* Hatsaram-panahy, fanarahana ny rariny, rariny. Cela est contre la —. Tsy araka ny *rariny* izany.

PROBLÉMATIQUE, *adj.* Mampisalasala, saro-pantarina. Ce fait est —. *Mampisalasala* izany zavatra niseho izany. Sa conduite est —. *Mampisalasala,* etc., ny ataony.

PROBLÈME, *sm.* 1° Fanontaniana amy ny marika. 2°—, Zavatra mampisalasala, — saro-pantarina.

PROCÉDÉ, *sm.* 1° Ny atao, fahaizamiaina. Le — de cet homme n'est pas net. Tsy mazava *ny ataon'* io lehilahy io. Il a eu pour moi les meilleurs procédés. *Nahay niaina* tamiko loatra izy. 2°—, Fomba. — nouveau pour photographier. *Fomba* vaovao fanaovana fotografy.

PROCÉDER, *vn.* 1° Avy. D'où procèdent ces troubles? Inona no *ihavian'* izao tabataba izao? 2°—, Manao, mahay miaina. — juridiquement. *Manao* araka ny lalána. Sa manière de — est étrange. Mahagaga ny *ataony,* ny tsy *fahaizany miaina.*

PROCÉDURE, *sf.* Fomba fitsarana. Il connaît la —. Mahalala ny *fomba fitsarana* izy.

PROCÈS, *sm.* 1° Ady, teny, kabary, vezovezo. Être en — avec quelqu'un. Manana *ady,* etc., amin'olona. Il a perdu son —. Resy tamy ny *adiny* izy. Il y a — entre eux. *Miady* izy roa tonta. — sans fin. Kitozan-*teny,* kitozan-*kabary.* 2°—, Fitoriana, fiampangana. Faire un — à quelqu'un. *Mitory, miampanga* olona. 3°—, Taratasy momba ny ady. Il a obtenu communication du —. Nahazo ny *taratasy momba ny ady* izy.

PROCESSION, *sf.* 1° Prosesio. 2°—, Vahoaka mifololótra. 3°—, Ny ihaviana. La — du Saint-Esprit. Ny *ihavian'* ny Fanahi-Masina avy amy ny Ray sy ny Zanaka.

PROCESSIONNELLEMENT, *adv.* Manao prosesio.

PROCÈS-VERBAL, *sm.* Taratasy ilazan' ny polisy ny zavatra hitany na reny; filazana ny zavatra voalaza na natao tamy ny fivoriana anankiray.

PROCHAIN, AINE, *adj.* 1° Akaiky, antomotra. Au — village. Ao amy ny vohitra *akaiky.* Son arrivée est prochaine. *Akaiky,* etc., ny ahatongavany. 2°—, Ho avy, ambony, any. Le mois —. Amy ny volana *ho avy, ambony.* L'année prochaine. Ny taona *ho avy, any.* 3°—, Indrindra. Évitez les occasions prochaines. Andosiro ny zavatra mahatarika *indrindra* amy ny fahotana.

—, *sm.* Namana. Il faut aimer son —. Tsy maintsy hotiavina ny *namana.*

PROCHAINEMENT, *adv.* Atohoato.

PROCHE, *adj.* Akaiky, manakaiky, mifanakaiky, manolotra, mifanolotra, mifanolo-body rindrina, antomotra. Il est son plus — voisin. Izy no *akaiky, manakaiky, manolotra* azy indrindra, *mifanakaiky* aminy indrindra, *mifanolotra, mifanolo-body rindrina* aminy. — parent. Havana *akaiky.* Le jour est —. *Akaiky, antomotra* ny andro.

—, *sm. pl.* Havana. Nos proches. Ny *havantsika.*

—, *prép.* Akaiky, manakaiky, mifanakaiky. Ma maison est — de la ville. *Akaiky, manakaiky* ny tanána. *mifanakaiky* amy ny tanána ny tranoko.

—, *adv.* Akaiky. Il demeure ici—. Mitoetra etsy *akaiky* etsy izy.

De proche en proche, *loc. adv.* Miandalandalana, tsikelikely. La contagion s'étendit de — en —. Niely *niandalandalana,* etc., ny aretí-mifindra.

PROCLAMATION, *sf.* 1° Fiantsoana ampahibemaso. 2°—, Laha-teny avoaka ampahibemaso, kabary. Il lut une —. Namaky *laha-teny* anankiray *ampahibemaso* izy. Il adressa une — à l'armée. *Nikabary* tamy ny fooalindahy izy.

PROCLAMER, *va.* 1° Miantso ampahibemaso. L'armée le proclama empereur. *Voantson'* ny fooalindahy *ampahibemaso* ho emperora izy. — une loi. *Miantso* lalána *ampahibemaso.* 2° *fig.* Mankalaza, manambara, mitory. On

proclame ses hauts faits. *Ankalazaina* ny herim-po nasehony tamy ny ady. Les cieux proclament la gloire de Dieu. Ny habakabaka *manambara*, *mitory* ny voninahitr' Andriamanitra.

Se proclamer, *vpr.* Manao ny tenany ho.., mihambo. Voy. Se dire.

PROCONSUL, *sm.* Governora tamy ny Romana.

PROCRÉATION, *sf.* Fiterahana.

PROCRÉER, *va.* Miteraka.

PROCURATION, *sf.* Fahefana mba hisolo olona.

PROCURER, *va.* 1° Mampahazo. — un emploi. *Mampahazo* raharaha. 2°—, Mahatonga, mampi..., mampa..., maha.... Cette potion lui a procuré du sommeil. *Nampatory* azy izany fanafody sotroina izany. Voy. Causer.

Se procurer, *vpr.* Mahazo.

PROCUREUR, PROCURATRICE, *s.* Mpisolo, masoivoho.

—, *sm.* 1° Andriambaventy mpampanaraka ny lalána. 2°—, Relijiozy mpitambola.

PRODIGALITÉ, *sf.* Fandanilaniana foana, fanobatobana, fahafoizam-be.

PRODIGE, *sm.* 1° Fahagagana. 2°—, Zavatra mahagaga. C'est un — de science. *Mahagaga* ny fahaizany.

PRODIGIEUSEMENT, *adv.* Izaitsizy. Voy. Extraordinairement.

PRODIGIEUX, EUSE, *adj.* Mahagaga. Il fait une dépense prodigieuse. *Mahagaga* ny laniny.

PRODIGUE, *adj.* et *s.* 1° Mandanilany foana, mitobatoba, mpandany, mahafoy be. L'enfant —. Ny zanaka *mpandany.* 2° *fig.* Mahery, manary foana, manome be, mahafoy, tsy mitsitsy.

PRODIGUER, *va.* 1° Mandanilany foana, mitobatoba, mahafoy be. Il a prodigué toutes les richesses que son père avait amassées. *Nolanilaniny* foana, *notobatobainy* ny harena rehetra izay navelan-drainy. Il prodigue son bien pour le soulagement des malheureux. *Mahafoy* ny hareny rehetra mba hanampiana ny mahantra izy. 2° *fig.* Mahery, manary foana, manome be, mahafoy, tsy mitsitsy. Il prodigue ses louanges. *Mahery* midera izy. Il prodigue ses talents. *Manary foana* ny fahaizany izy. La nature lui a prodigué ses dons. *Nomen'*Andriamanitra soa *be* izy. —sa vie. *Mahafoy, tsy mitsitsy* aina.

Se prodiguer, *vpr.* Tsy mitsitsy tena. Se — pour ses amis. *Tsy mitsitsy* tena ho any ny sakaizany.

PRODUCTEUR, TRICE, *adj.* Mahaforona. Génie —. Saina *mahaforona.*

—, *sm.* Mpahavokatra, mpanao taozavatra.

PRODUCTIF, IVE, *adj.* Mahavokatra. Terre productive. Tany *mahavokatra.*

PRODUCTION, *sf.* 1° Fiterahana, fahavokarana, famoazána. 2°—, Vokatra, taozavatra. Les productions des différents pays. Ny *vokatra*, ny *taozavatry* ny tany samihafa. Les productions de son esprit. Ny *vokatry* ny sainy.

PRODUIRE, *va.* 1° Miteraka, mahavokatra, mamoa. Chaque animal produit son semblable. Samy *miteraka* mitovy aminy avy ny biby rehetra. La terre produit le blé. *Mahavokatra* varim-bazaha ny tany. Ces arbres produisent de beaux fruits. *Mamoa* mahafinaritra ireo hazo ireo. Cet argent ne produit pas d'intérêts. Tsy *miteraka* io vola io. 2°—, Mampahazo, mahatonga, ihaviana. Sa charge lui produit mille piastres par an. Ny raharaha ataony *mampahazo* azy vola arivo isan-taona. La guerre produit de grands maux. *Mahatonga* loza lehibe, fototra *ihavian'*ny loza lehibe ny ady. 3° —, Mamorona, manao, mahavita. Il a produit d'excellents ouvrages. *Namorona, nanao, nahavita* boky tsara dia tsara izy. 4°—, Maneho, mampiditra. —des pièces justificatives. *Maneho* taratasy manamarina. —un homme à la cour. *Mampidi*-drova olona. 5° *fig.* Isehoana. Ce pays a produit de grands hommes. *Nisehoan'* olo-malaza maro izany tany izany.

Se produire, *vpr.* Miseho.

PRODUIT, *sm.* 1° Vokatra. Il vit du — de son travail. Ny *vokatry* ny tánany no ivelomany. Les produits agricoles. Ny *vokatry* ny tany. Les produits de l'industrie. Ny *vokatry* ny taozavatra. 2°—, Ny avy amy ny. Huit est le — de deux et de quatre. Ny valo *avy amy ny* efatra ampitomboina roa.

PROÉMINENCE, *sf.* Hahavo, fitringitringy, fandondona, fandomba, fandroso.

PROÉMINENT, ENTE, *adj.* Avo, mitringitringy, mandondona, mandroso. Nez —. Orona *avo, mitringitringy.* Front—. Handrina *mandondona, mandomba, mandroso.*

PROFANATEUR, TRICE, *s.* Mpametaveta ny zavatra masina, mpanala baráka —.

PROFANATION, *sf.* 1° Fametavetana ny zavatra masina, fanalam-baráka —. 2° —, Fanariana foana.

PROFANE, *adj.* 1° Mametaveta ny zavatra masina, manala baráka—. Discours —. Resaka *mametaveta ny zavatra masina.* 2° —, Tsy momba ny fivavahana. Histoire —. Tantara *tsy momba ny fivavahana.*

—, *s.* 1° Mpametaveta ny zavatra masina, mpanala baráka —. 2° —, Zavatra tsy momba ny fivavahana.

PROFANER, *va.* 1° Mametaveta ny zavatra masina, manala baráka—. — les églises. *Mametaveta, manala baráka* ny trano leglizy. 2° —, Manary foana, manala baráka. — son talent. *Manary foana,* etc., ny fahaizany.

PROFÉRER, *va.* Manonona, mameaka. Ce furent les dernières paroles qu'il proféra. Ireo no teny farany *notononina, navoaka, naloaky* ny vavany.

PROFÈS, ESSE, *adj.* et *s.* Relijiozy vita voady.

PROFESSER, *va.* 1° Manaraka ampahibemaso, manaiky —, milaza —. Il professe la religion chrétienne. *Manaraka ampahibemaso* ny fivavahana kristiana izy. Il professa l'unité de Dieu. *Nanaiky ampahibemaso* an' Andriamanitra ho tokana izy. 2° —, Manao raharaha. Il professe la médecine. *Manao ny raharahan'* ny dokotera izy. 3° —, Mampianatra.

PROFESSEUR, *sm.* Mpampianatra.

PROFESSION, *sf.* 1° Fanarahana ampahibemaso, fanekena —, filazana —. Il a fait sa — de foi. *Nilaza ampahibemaso* ny finoany izy. 2° —, Raharaha, fanao. Quel est sa — ? Inona no *raharaha* ataony ? C'est un joueur de—. Ny miloka no *fanaony.* 3° —, Fivoadiana ampahibemaso. Faire —. *Mivoady ampahibemaso* ao amy ny fikambanan-drelijiozy.

PROFESSORAL, ALE, *adj.* Momba ny mpampianatra.

PROFESSORAT, *sm.* Raharahan' ny mpampianatra.

PROFIL, *sm.* 1° Tarehy mihorirana. Il est plus facile de peindre de — que de peindre de face. Moramora kokoa ny manoso-doko ny *tarehy mihorirana* noho ny tarehy manatrika. 2° —, Ila tarehy, ila tanána, ila trano. Je ne l'ai vu que de—. Ny *ila tarehiny* hiany no hitako. Le — de la ville de Paris. Ny *ilan'* ny *tanána* Parisy. Le — d'un bâtiment. Ny *ilan'* ny *trano* anankiray.

PROFIT, *sm.* 1° Tombony, ny azo, soa. Il a fait un grand — dans le commerce. Nahazo *tombom*-barotra be izy. Ce sont les profits de sa charge. Izany no *azony* tamy ny raharahany. Cette amende sera au — des pauvres. Hoentina *hanasoa* ny mahantra izany sazy izany. Il a tiré beaucoup de — de ses études. Nahazo *soa* be tamy ny fianarana nataony izy. ‖ *loc.* Mettre son temps à —. Mandany tsara ny androny. 2° —, *pl.* Falimpo, kadó. Il gagne cent piastres, sans compter les profits. Mahazo ariary zato afa-tsy ny *falim-po,* etc., izy.

PROFITABLE, *adj.* Misy tombony, mahasoa.

PROFITER, *vn.* 1° Mampahazo tombony, mampahazo, mahasoa. Ce commerce lui a profité. *Nampahazo tombony* azy izany varotra izany. En quoi cela vous profitera-t-il ? Inona no ho *azonao* amin' izany ? Bien mal acquis ne profite jamais. Tsy *mahasoa* na oviana na oviana ny harena azo tsy an-drariny. ‖ *loc.* —de l'occasion. Manararaotra. 2°—, Mitombo, maroroka, mandroso. Cet enfant profite à vue d'œil. *Mitombo* haingana, *maroroka* io zazalahy io. Il profite en science et en sagesse. *Mitombo, mandroso* fahaizana sy fahendrena izy.

PROFOND, ONDE, *adj.* 1° Lalina, mangitsokitsoka, tsy taka-polopolorina, lalina aty. Fosse profonde. Lavaka *lalina.* Précipice—. Tevana *mangitsokitsoka, tsy taka-polopolorina.* Blessure profonde. Ratra *lalina.* Rivière peu profonde. Renirano tsy *lalina* loatra, marivo. Marmite peu profonde. Vilany tsy *lalina aty* loatra. Corbeille peu profonde. Harona tsy *lalina aty* loatra, tabebaka. 2° *fig.* Lalina, lalin-tsaina. Mystère —. Mistery *lalina.* C'est un esprit —. *Lalin-tsaina* izy. Un savant —. Olo-mahay *lalin-tsaina.* 3° —, Mafy, izaitsizy. —chagrin. Alahelo *mafy.* Un —scélérat. Olona holokoloka *izaitsizy.* Solitude profonde. Fitoerana mangingina *izaitsizy.* Nuit profonde. Alina maizina *izaitsizy,* maizim-pito.

PROFONDÉMENT, *adv.* 1° Lalina. 2° *fig.* Lalina. 3°—, Mafy, izaitsizy. Dormir—. Matory *mafy,* manao torimaso maty.

PROFONDEUR, *sf.* 1° Halalina, halalinana, fangitsokitsoka. 2°—, Halava

Cette cour a cinquante mètres de —. Dimam-polo metatra ny *halavan'* io tokotany io. 3° *fig.* Halalina, halalinana, halalin-tsaina.

PROFUSÉMENT, *adv.* Be dia be.

PROFUSION, *sf.* 1° Fahafoizam-be, fandaniana be, habetsahana, anganon-ganon-kanina. Ses profusions l'ont ruiné. Ny *fahafoizany be, fandaniany be* nahalany harena azy. Dans ce festin, il y avait une — extraordinaire. Nahagaga ny *habetsahan*-javatra, ny *anganon-ganon-kanina* tamin' izany fanasana izany. 2° *fig.* Donner des louanges à —. Midera izaitsizy.

PROGÉNITURE, *sf.* Zanaka.

PROGRAMME, *sm.* 1° Taratasy filazana ny zavatra hatao, programa. 2° *fig.* Filazana ny hatao.

PROGRÈS, *sm.* Fandrosoana, fandroso, fitomboana, fitombo. Le feu faisait de grands —. *Nandroso* dia nandroso, *nitombo* dia nitombo ny afo. Arrêter les — des ennemis. Misakana ny fahavalo tsy *handroso.* Les sciences ont fait de grands—. *Nandroso* dia nandroso ny fahaizan-javatra samihafa. Empêcher les — d'une maladie. Misakana ny aretina mba tsy *handroso,* tsy *hitombo.*

PROGRESSER, *vn.* Mandroso, mitombo.

PROGRESSIF, IVE, *adj.* Mandroso miandalandalana.

PROGRESSION, *sf.* Fandroso miandalandalana.

PROGRESSIVEMENT, *adv.* Miandalandalana, tsikelikely.

PROHIBÉ, ÉE, *p.* et *adj.* Voarara, norarana. Armes prohibées. Fiadiana *voarara.* Ils sont à un degré —. *Raran'* ny lalàna tsy hivady, tsy mifankaheny izy ireo.

PROHIBER, *va.* Mandrara. — le port d'armes. *Mandrara* tsy hitondra fiadiana.

PROHIBITIF, IVE, *adj.* Mandrara. Lois prohibitives. Lalàna *mandrara.*

PROHIBITION, *sf.* Fandrarana.

PROIE, *sf.* 1° Remby, haza, toha, babo. Le loup emporta sa —. Ny amboadia nitondra ny *rembiny,* ny *hazany,* ny *tohany.* Les vainqueurs partagent leur —. Ny mpandresy mizarazara ny *babony.* Chercher une —. *Miremby, mitoha.* 2° *fig.* Être en — à. Azo, resy. Il est en — à la tristesse. *Azon'* alahelo izy. Il est la — de ses passions. *Resin'* ny filan-dratsiny izy.

PROJECTILE, *sm.* Zavatra atoraka, — alefa.

PROJECTION, *sf.* 1° Fitorahana, fandefasana. 2°—. Aloka, sary.

PROJET, *sm.* Fikasana, fanampoizana. Discuter un — de loi. Mandinika lalàna *kasaina, ampoizina* hatao.

PROJETER, *va.* 1° Mikasa, manampó. Il projette d'aller en Italie. *Mikasa, manampó* hankany Italia izy. 2°—, Misy, manao sary. Toute chose projette son ombre. *Misy* aloka ny zavatra rehetra.

Se projeter, *vpr.* Mandroso. Quand le soleil est à son levant, l'ombre se projette au loin. Raha vao miposaka ny masoandro, dia *mandroso* lavitra ny aloka.

PROLÉGOMÈNES, *sm. pl.* Sasin-teny lava.

PROLÉTAIRE, *sm.* Olona faraidiny.

PROLÉTARIAT, *sm.* Toetry ny olona faraidiny.

PROLIFIQUE, *adj.* Mampiteraka.

PROLIXE, *adj.* Lavareny, manao teny lavareny. Discours —. Laha-teny *lavareny.* Orateur —. Mpandaha-teny *manao teny lavareny.*

PROLIXEMENT, *adv.* Lavareny.

PROLIXITÉ, *sf.* Teny lavareny.

PROLOGUE, *sm.* Sasin-teny.

PROLONGATION, *sf.* Fanalavana. Il a obtenu une —de six mois. *Nohalavaina* enim-bolana ny andro hijanonany.

PROLONGEMENT, *sm.* Fanalavana, fanohizana, fitohizana, tohy. La queue est le — de l'épine dorsale. Ny rambo no *tohin'* ny hazon-damosina.

PROLONGER, *va.* Manalava, manela, manohy. — une affaire. *Manalava, manela* raharaha. — une trêve. *Manalava* ny andro tsy iadiana. — une rue. *Manalava, manohy* araben-dàlana.

Se prolonger, *vpr.* Mihalava, mitohy, mitandavana, lasa lavitra. L'hiver se prolonge. *Mihalava* ny ririnina. Le chemin se prolonge entre les rochers. Ny làlana *mitohy* ao anelanelan' ny vatolampy. Cette île se prolonge du midi au nord. *Mitandàvana* hatrany atsimo ka hatrany avaratra io nosy io. Le son se prolonge dans les profondeurs de cette caverne. *Lasa lavitra* any anatin' ity zohy lalina ity ny feo.

PROMENADE, *sf.* Fitsangantsangananana.

PROMENER, *va.* 1° Mitondra mitsangantsangana, mampiasa dia. — un enfant. *Mitondra* zaza *mitsangantsangana.* — un cheval. *Mampiasa dia* soavaly. 2° *fig.* Mamindrafindra. — ses yeux sur une assemblée. *Mamindrafindra* ny masony amy ny livoriana. — son imagination sur divers objets. *Mamindrafindra* ny sainy amy ny zavatra samihafa.

Se promener, *vpr.* 1° Mitsangantsangana, miasa dia. Il se promène dans l'emplacement. *Mitsangantsangana,* etc., ao an-tokotany izy. 2° *fig.* Mifindrafindra, mandeha. Le ruisseau se promène lentement dans la forêt. Ny rano kely *mandeha* miadana any anaty ala. Allez vous —. *Mandehana* ity manonjika alika any.

PROMENEUR, EUSE, *s.* Mpitondra mitsangantsangana, mpitsangantsangana, mpiasa dia.

PROMENOIR, *sm.* Fitsangantsanganana, fiasan-dia.

PROMESSE, *sf.* Teny apetraka, vava atao, fametrahan-teny, filokana. Accomplir sa —. Manatanteraka ny *teny napetraka,* ny *vava natao.* Rétracter une —. Mitsoa-*teny.* Manquer à sa —. Tsy manatanteraka ny *teny napetraka, manao vava* azon' Andriamanitra. Ce sont des promesses vaines. *Fametrahan-teny, vava, filokana* foana izany.

PROMETTEUR, EUSE, *s.* Mpametra-teny an-jamba, — am-bava, mpizara vava.

PROMETTRE, *va.* 1° Mametra-teny, manao vava, miloka. Il m'a promis de venir me voir. *Nametra-teny, nanao vava* tamiko mba hamangy ahy izy. Il a promis de changer de conduite. Efa *nametra-teny, niloka* mba hiova fitondran-tena izy. 2° *fig.* Azo antenaina, — vinanina, manao toetr' andro. Je vous promets du beau temps pour demain. *Azoko vinanina* fa ho tsara ny andro rahampitso. Le ciel promet du beau temps. *Manao toetr' andro* ho tsara izato izy.

—, *vn.* Azo antenaina. Ce jeune homme promet beaucoup. *Azo antenaina* tsara io tovolahy io.

Se promettre, *vpr.* 1° Manantena. Il se promet la victoire. *Manantena* fandresena izy. 2° —, Mikasa. Il se promet de travailler. *Mikasa* hiasa izy.

PROMIS, ISE, *p.* et *adj.* Nametrahanteny, nanaovana vava, nilokana. La terre —. Ny tany *nametrahan'* Andriamanitra *teny, nanaovan'* Andriamanitra *vava* homena ny Hebrio.

PROMISCUITÉ, *sf.* Fifangaroana.

PROMISSION, *sf.* Terre de —. Tany nametrahan' Andriamanitra teny homena ny Hebirio; *fig.* tany lonaka.

PROMONTOIRE, *sm.* Tsiraka, tanjona.

PROMOTEUR, *sm.* 1° Mpitarika. 2° —, Fototra, ihaviana. Il fut le — de cette querelle. Izy no *fototra,* no *nihavian'* izany fifandirana izany.

PROMOTION, *sf.* Fanandratana, fananganana.

PROMOUVOIR, *va.* Manandratra, manangana. On l'a promu à l'épiscopat. *Nasandratra, natsangana* ho eveka izy.

PROMPT, OMPTE, *adj.* 1° Haingana, faingana, malaky. Rendez une prompte réponse. Valio *haingana, faingana.* Il a la repartie prompte. Mamaly *haingana, faingana* izy, *malaky* mamaly izy. Cela fut — comme l'éclair. *Haingana, faingana* hoatra ny helatra izany. Il a l'esprit —. *Haingan*-tsaina izy. 2° —, Mailamailaka, marisika. Il est — dans tout ce qu'il fait. *Mailamailaka,* etc., amin' izay rehetra ataony izy. 3° —, Malaky tezitra, mora tezitra, saro-po. Il a l'humeur prompte. *Malaky tezitra,* etc., izy.

PROMPTEMENT, *adv.* Haingana, faingana, malaky.

PROMPTITUDE, *sf.* 1° Hafainganana, fahafainganana, fahalakiana. — d'esprit. *Hafainganan*-tsaina. 2° —, Hasarotampo.

PROMU, UE, *p. adj.* et *s.* Voasandratra, nasandratra, voatsangana, natsangana.

PROMULGATION, *sf.* Famoahana ampahibemaso.

PROMULGUER, *va.* Mamoaka lalàna ampahibemaso.

PRÔNE, *sm.* Toriteny eo antenatenan' ny lamesa.

PRÔNER, *va.* Midera.

Se prôner, *vpr.* 1° Midera tena. 2° —, Mifampidera.

PRÔNEUR, EUSE, *s.* Mpidera.

PRONOM, *sm.* Teny misolo naona, pronaona.

PRONOMINAL, ALE, *adj.* Momba ny pronaona. Verbe —. Verbe misy *pronaona* personaly roa.

PRONONCÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Voatonona, notononina, voavoaka, tafavoaka, navoaka. 2°—, Miharihary. Intention bien prononcée. Hevitra *miharihary.*

—, *sm.* Teny fitsarana.

PRONONCER, *va.* Manonona, mamoaka. Il ne sait pas — les R. Tsy mahay *manonona* ny R izy. — distinctement. *Manonona* mazava. — une sentence. *Mamoaka* teny fitsarana.

—, *vn.* Manapaka, manambara ny heviny. Je n'ose — entre vous et lui. Tsy sahy *hanapaka* ny raharahanao sy izy aho. Dès que vous aurez prononcé, on obéira. Raha vao *hambaranao ny hevitrao,* dia hekena.

Se prononcer, *vpr.* 1° Tononina. 2°—, Manambara ny heviny. Il n'ose pas se —. Tsy sahy *manambara ny heviny* izy.

PRONONCIATION, *sf.* Fanononana. — vicieuse. *Fanononana* ratsy, firoky, firokiana.

PRONOSTIC, *sm.* 1° Faminaniana, vinany. Ce médecin fait des pronostics fort justes. Marina loatra ny *faminaniana,* etc., ataon'io dokotera io. 2°—, Fambara. Comme Présage.

PRONOSTIQUER, *va.* 1° Maminany, manao vinany. 2°—, Manambara.

PRONOSTIQUEUR, *sm.* Mpanao vinany.

PROPAGANDE, *sf.* Fampielezana. Faire la—. *Mampiely.*

PROPAGATEUR, *sm.* Mpampiely.

PROPAGATION, *sf.* Fitomboana, fampielezana, fielezana. Il travaille à la — de la foi. Miasa mba *hampiely* ny finoana izy.

PROPAGER, *va.* Mampiely. — l'erreur. *Mampiely* hevi-diso.

Se propager, *vpr.* Mitombo, miely. Cette espèce d'animaux s'est propagée. *Nitombo, niely* izany karazam-biby izany.

PROPENSION, *sf.* Fitongilanana, hamorana, fitiavana. Voy. Inclination.

PROPHÈTE, *sm.* 1° Mpaminany. Les faux prophètes. Ny *mpaminany* sandoka. 2° *fig.* Mpaminany, mpanambara. N'ai-je pas été — ? Moa tsy ofa *naminany* aho ? Un — de malheur. *Mpanambara* loza.

PROPHÉTESSE, *sf.* Vehivavy mpaminany.

PROPHÉTIE, *sf.* Faminaniana.

PROPHÉTIQUE, *adj.* Misy faminaniana, any ny mpaminany, maminany. Livre —. Boky *misy faminaniana.* Style —. Fandaha-tenin' *ny mpaminany.* Esprit —. Olona mahay *maminany.*

PROPHÉTIQUEMENT, *adv.* Amimpaminaniana. Il a parlé—. *Faminaniana* ny teny nataony.

PROPHÉTISER, *va.* Maminany.

PROPICE, *adj.* 1° Mitahy, manasoa, manambina, mitsimbina, miantra. Dieu nous soit— ! *Hitahy, hanasoa, hanambina* antsika anie Andriamanitra ! Soyez-moi—. *Tsimbino, iantrao* aho. Les juges lui furent propices. *Nitsimbina, niantra* azy ny mpitsara. 2°—, Tsara. C'est le moment—. Izao indrindra no fotoana *tsara.*

PROPITIATION, *sf.* Fifonana. Sacrifice de—. Sorona *fifonana.*

PROPITIATOIRE, *adj.* Fifonana.

PROPORTION, *sf.* Fifanarahana. Les proportions sont bien gardées dans ce bâtiment. *Mifanaraka* tsara ny zavatra rehetra amin'io trano io. Sa place n'est pas en — avec son mérite. Ny raharahany tsy *mifanaraka* amy ny hamendrehany. ‖ *loc.* Réduire à de petites proportions. Manakely. Cela sort des proportions ordinaires. Lehibe loatra izany.

A proportion, en proportion, par proportion, *loc. prép.* Araka. Il ne dépense pas à — de son revenu. Tsy mandany *araka* izay azony izy.

A proportion que, *loc. conj.* Araka.

PROPORTIONNALITÉ, *sf.* Fifanarahana.

PROPORTIONNÉ, ÉE, *adj.* Mifanaraka. Corps bien —. Vatana *mifanaraka* tsara.

PROPORTIONNEL, ELLE, *adj.* Mifanaraka. Nombres proportionnels. Isa maro *mifanaraka.*

PROPORTIONNELLEMENT, *adv.* Amim-pifanarahana.

PROPORTIONNÉMENT, *adv.* Araka.

PROPORTIONNER, *va.* Mampifanaraka.

Se proportionner, *vpr.* Mifanaraka.

PROPOS, *sm.* 1° Resaka, vava. Ils ont tenu d'étranges —. Mahagaga ny *resaka* nataon' izy ireo. Je me moque des —. Tsy ahoako ny *vavan'* ny olona. 2° —, Fikasana. Faire un ferme — de s'amender. *Mikasa* mafy mba hiova.

À propos, *loc. adv.* Ankitiny, araka ny mety, saikinány, zara, mahay avy. Cela est dit à —. *Ankitiny* izany teny izany, voalaza *araka ny mety* izany. Vous venez à —. *Saikinány, zara* fa tonga hianao, *mahay avy* hianao. Il vient bien mal à —. Tsy *mahay avy* izy.

—, *adj.* Tokony, mety. Il n'est pas à — d'aller si vite. Tsy *tokony* handroso faingana toy izany, tsy *mety* raha mandroso faingana toy izany.

—, *sm.* Ny mahamety. Je ne vois pas l'à — de cette plaisanterie. Tsy hitako izay *mahamety* izany kivazivazy izany.

Hors de propos, *loc. adv.* Tsy misy antony, — fotony. Cela est hors de —. *Tsy misy antony,* etc., izany.

À tout propos, *loc. adv.* Mandrakariva.

De propos délibéré, *loc. adv.* Iniana, fanahy iniana. Voy. Délibéré.

PROPOSABLE, *adj.* Azo aposaka, azo atolotra.

PROPOSER, *va.* Mamosaka, manolotra, manondro. — un avis. *Mamosaka, manolo*-kevitra. — un arrangement. *Mamosa*-kevitra mba hifanarahana. — un prix. *Manolotra* valisoa. On peut — ce prince pour exemple à tous les rois. Azo *tondroina* ho fakan-tahaka ho any ny mpanjaka rehetra izany mpanjaka izany.

Se proposer, *vpr.* 1° Mikasa, manampó, mikendry. Il se propose de partir demain. *Mikasa, manampó* handeha rahampitso izy. Il se propose une fin plus noble. *Mikendry* farany tsaratsara kokoa izy. 2°—, Manolo-tena. Il s'est proposé pour cet emploi. *Nanolo-tena* mba hanao izany raharaha izany izy.

PROPOSITION, *sf.* 1° Fehezan-teny tsotra, sentensa. 2°—, Hevitra aposaka, zavatra atolotra. Sa — fut acceptée. Nekena ny *hevitra naposany, — natolony.* Il a agréé la — de mariage qui lui a été faite. Nanaiky ny fanambadiana *natolotra* azy izy.

PROPRE, *adj.* 1° Tena, tokoa, hiany, aza. C'est son — fils. *Tena* zanany, zanany *tokoa* izy. Quel est le sens — de ce mot ? Inona no *tena* hevitr'izany teny izany ? Je lui ai donné la lettre en main —. Napetrako teo an-tánany *hiany* ny taratasy ampitondraina. Ses propres amis étaient contre lui. Ny sakaizany *aza* nanohitra azy. 2°—, Manokana, mety indrindra. Nom —. Naona enti-milaza olona na zavatra *manokana.* Cette langue n'a point de mot — pour désigner cet objet. Amin' izany fiteny izany tsy misy teny *manokana* mba hilazana io zavatra io. Il est souvent difficile de trouver le terme —. Matetika sarotra ny mahita ny teny *mety indrindra.* 3°—, Tsara, tokony, mahomby, mahavita, mahazo, mahay. Ce bois est — à bâtir. *Tsara* anaovan-trano io hazo io. Cela est — à les désunir. *Tokony* hampisaraka azy ireo izany. Il n'est pas — aux affaires. Tsy *mahomby* amy ny raharaha, tsy *mahavita* raharaha izy. Il est — à l'enseignement. *Mahazo, mahay* mampianatra izy. 4°—, Madio. Linge —. Lamba *madio.* Écriture —. Soratra *madio.*

PROPRE, *sm.* 1° Fomba, toetra. Le — de l'oiseau, c'est de voler. Ny *fomba, toetry* ny vorona, dia ny manidina. 2°—, Tena heviny. Ce mot est employé au —. Natao tamy ny *tena heviny* izany teny izany. 3°—, Ny an' olona tokoa. Il avait cette maison à loyer, il l'a maintenant en —. Taloha trano nohofany io, fa ankehitriny *azy tokoa.*

PROPRE À RIEN, *sm.* Olon-tsy vanon-kozinona.

PROPREMENT, *adv.* 1° Tena, tokoa, hiany. L'honneur— dit. Ny *tena* voninahitra. C'est — ce que je pense. Izany *tokoa, hiany* no hevitro. 2°—, Madio. Il est mis —. *Madio* fitafy izy.

À proprement parler, *loc. adv.* Raha lazaina tsotra.

PROPRET, ETTE, *adj.* et *s.* Tia madio amy ny fitáfiana.

PROPRETÉ, *sf.* Hadiovana, fahadiovana, hadio.

PROPRIÉTAIRE, *s.* Tompo.

PROPRIÉTÉ, *sf.* 1° Fananana, ny an' olona. Il me conteste la — de cette terre. Laviny ny *fananako* io tany io. Ce champ est ma —. *Fananako, azy* io tanimboly io. Il n'a que la nue — de cette terre. Tsy mahazaka *manana* izany tany izany izy. Il a la jouissance de cette terre, mais non la—. Mahazo manaram-po amin' izany tany izany izy, na dia tsy azy

tokoafaza. 2°—, Trano na tany izay anabana. 3°—, Fomba, toetra, hery. L'impénétrabilité est une — du fer. *Fomba, toetry* ny vy ny tsy mety ho tanteraka. La — de l'aimant. Ny *herin'* ny andriamby. 4°—, Ny teny mety indrindra. La — des termes est observée dans tout ce qu'il écrit. Ny teny *mety indrindra* no fidiny mandrakariva raha manoratra izy.

PROPULSEUR, *adj.* et *sm.* Mampandroso.

PROPULSION, *sf.* Fampandrosoana. Force de —. Hery *mampandroso.*

PRORATA, *sm.* Anjara. Payer son —. Mandoa ny *anjarany.*

Au prorata, *loc. adv.* Araka.

PROROGATIF, IVE, *adj.* 1° Manalava. 2°—, Mampihemotra, manemotra.

PROROGATION, *sf.* 1° Fanalavana. 2°—, Fampihemorana, fanemorana.

PROROGER, *va.* 1° Manalava. On a prorogé le délai qu'on lui avait donné. *Nohalavaina* ny andro nomena azy. 2° —, Mampihemotra, manemotra. — la séance du parlement. *Mampihemotra,* etc., ny andro fivorian'ny parlementa.

PROSAÏQUE, *adj.* Tsotsotra. Style—. Laha-teny *tsotsotra.*

PROSAÏSME, *sm.* Fahatsotsorana.

PROSATEUR, *sm.* Mpanao laha-teny tsotra.

PROSCRIPTEUR, *sm.* Mpamono antrebotrebony, mpanao maty tsy miteny, mpanao sesi-tany.

PROSCRIPTION, *sf.* 1° Famonoana an-trebotrebony, fanaovana maty tsy miteny, fanaovana sesi-tany. 2° *fig.* Fanariana.

PROSCRIRE, *va.* 1° Mamono an-trebotrebony, manao maty tsy miteny, manao sesi-tany, mandroaka. Il faut le — de notre assemblée. Tokony *horoahina* amy ny fivoriantsika izy. 2° *fig.* Manameloka, manary. — un livre. *Manameloka* boky. — une coutume. *Manary* fomba anankiray.

PROSCRIT, ITE, *p. adj.* et *s.* 1° Novonoina an-trebotrebony, maty an-trebotrebony, natao maty tsy miteny, maty tsy miteny, nasesi-tany, voaroaka, noroahina. 2° *fig.* Voaheloka, nohelohina, nariana.

PROSE, *sf.* Laha-teny tsotra.

PROSÉLYTE, *s.* 1° Kristiana vao milatsaka. 2° *fig.* Mpiandany, mpanaraka. Ses prosélytes sont nombreux. Maro ny *mpiandany* aminy, ny *mpanaraka* azy.

PROSÉLYTISME, *sm.* Fikelezana aina bitarika olona ho amy ny andaniny.

PROSODIE, *sf.* Fahaizana momba ny fanononan-teny araka ny aksenta sy ny fandrindrana ny andalan-tonon-kira.

PROSPECTUS, *sm.* Taratasy filazana boky havoaka na raharaha hatao.

PROSPÈRE, *adj.* Manambina, mampiadana, ambinina, miadana, finaritra, vanona, mandroso. Le ciel vous soit —! *Hambinin'* Andriamanitra anie hianao ! Il est dans un état—. *Ambinina, miadan*-toetra, amy ny toetra *finaritra* izy.

PROSPÉRER, *vn.* Ambinina, miadana, finaritra, vanona, mandroso. Dieu permet quelquefois que les méchants prospèrent. Indraindray dia avelan'Andriamanitra *hoambinina, hiadana,* ho *finaritra* biany ny ratsy fanahy. Son commerce prospère. *Ambinina, vanona, mandroso* ny varotra ataony.

PROSPÉRITÉ, *sf.* Fanambinana, fiadanana, hafinaretana, hasoavana, fahavanonana, fandrosoana. On ne manque point d'amis dans la —. Maro ny sakaiza raha *ambinina,* raha *finaritra,* raha an-*kasoavana.* Il ne se laisse point enfler par la —. Tsy mibohibohy izy raha *ambinina, miadana, finaritra.*

PROSTERNER (SE), *vpr.* Miankohoka, mihohoka.

PROSTITUÉ, ÉE, *adj.* et *sf.* 1° Vehivavy janga, akangavavy, tsimihorirana. 2° *fig.* Very foana, afa-baráka.

PROSTITUER, *va.* 1° Mampijangajanga, mivarotra. 2° *fig.* Manary foana, manala baráka. Il prostitue son talent. *Manary foana,* etc., ny fahaizany izy.

Se prostituer, *vpr.* 1° Mijangajanga, mivaro-tena, manao tsimihorirana. 2° *fig.* Manala bara-tena.

PROSTITUTION, *sf.* 1° Fijangajangana. 2° *fig.* Fanalam-baráka.

PROSTRATION, *sf.* Faharerahana mafy.

PROTE, *sm.* Mpitarika ny mpanao printa.

PROTECTEUR, TRICE, *s.* Mpiaro.

PROTECTION, *sf.* Fiarovana, fitahiana.

PROTECTORAT, *sm.* Fiarovana, protektorata.

PROTÉGÉ, ÉE, *s.* Olona arovana.

PROTÉGER, *va.* Miaro, mitahy. — ses enfants. *Miaro* ny zanany. Si Dieu nous protège.... Raha *arovana, tahin'* Andriamanitra isika.... — le commerce. *Miaro* ny varotra. Le mur protège mon jardin. Ny ampiantany *miaro* ny zardaiko.

PROTESTANT, ANTE, *s.* et *adj.* Protestanta.

PROTESTANTISME, *sm.* Fivavahan' ny protestanta.

PROTESTATION, *sf.* 1° Fametrahan-teny, filazana marina. 2°—, Fandávana ampahibemaso, fanohorana—.

PROTESTER, *va.* 1° Mametra-teny, milaza marina. Il lui protesta qu'il le servirait en toutes rencontres. *Nametra-teny* taminy izy, fa hanampy azy mandrakariva. Je vous proteste qu'il ne m'en a rien dit. *Milaza marina* aminao aho, fa tsy nilaza na inona na inona tamiko izy. 2°—, Mitaraina noho ny tsy fandoavana ny vola voasoratra ao amy ny taratasy vola.

—, *vn,* Mandá ampahibemaso, manohitra —. Il protesta contre. *Nolaviny, notoheriny ampahibemaso* izany.

PROTÊT, *sm.* Fitarainana noho ny tsy fandoavana ny vola voasoratra ao amy ny taratasy vola.

PROTOTYPE, *sm.* 1° Marika voalohany, fakan-tahaka—. Cette médaille est le—sur lequel on a moulé toutes les autres. Io no medaly *voalohany* natao *marika, fakan-tahaka* ny hafa. 2° *fig.* Fakan-tahaka, fakana ohatra, fianarana. Voy. MODÈLE.

PROTUBÉRANCE, *sf.* Montotra, fandóndona, fandomba, fandroso. —du crâne. *Montotra* amy ny karandoha.

PROTUBÉRANT, ANTE, *adj.* Montotra, mandóndona, mandomba, mandroso. Front—. Handrina *mandóndona, mandomba, mandroso.*

PROTUTEUR, *sm.* Solon'ny *tuteur.*

PROUE, *sf.* Loha sambo.

PROUESSE, *sf.* 1° Herim-po aseho. 2° *fig.* Hadalana.

PROUVER, *va.* 1° Manamarina, manaporofo. On prouva qu'il était alors chez lui. *Nohamarinina, noporofoina* fa tao an-tranony izy tamin'izay. 2° *fig.* Mampiseho. Cette démarche prouve de la sagesse. *Mampiseho* fahendrena izany nataony izany. Voy. PREUVE.

PROVENANCE, *sf.* Zavatra avy amy ny tany hafa. Tabac de — étrangère. Paraky *avy amy ny tany hafa.*

PROVENANT, ANTE, *adj.* Avy. Les biens provenants de la succession. Ny fananana *avy* amy ny lova.

PROVENIR, *vn.* Avy.

PROVERBE, *sm.* Ohabolana. Le livre des Proverbes. Ny bokin'ny *Ohabolana.*

PROVERBIAL, ALE, *adj* Misy ohabolana.

PROVERBIALEMENT, *adv.* Misy ohabolana.

PROVIDENCE, *sf.* 1° Fitondran'Andriamanitra, Andriamanitra. Il faut s'abandonner à la—. Samy tokony hanaiky ny *fitondran'Andriamanitra,* samy tokony hanolo-tena eo am-pelatanan' *Andriamanitra.* Les décrets de la —. Ny lahatr' *Andriamanitra.* 2° *fig.* Fiankinana. Il est la — des pauvres. Izy no *fiankinan'* ny mahantra.

PROVIDENTIEL, ELLE, *adj.* Araka ny fitondran' Andriamanitra, avy amin'Andriamanitra. C'est un événement —. Tonga *araka ny fitondran' Andriamanitra* izany, *avy amin'Andriamanitra* izany.

PROVIDENTIELLEMENT, *adj.* Araka ny fitondran'Andriamanitra.

PROVIGNAGE, *sm.* Fanaovana tsindriladina voaloboka.

PROVIGNEMENT, *sm.* Comme PROVIGNAGE.

PROVIGNER, *va.* Manao tsindriladina voaloboka.

—, *vn.* Mitombo. Ce plant a beaucoup provigné. *Nitombo* be io foto-boaloboka io.

PROVIN, *sm.* Tsindriladim-boaloboka.

PROVINCE, *sf.* 1° Fari-tany. Plusieurs provinces se soulevèrent. Nisy *fari-tany* maro nikomy. 2°—, Ambanivohitra.

PROVINCIAL, ALE, *adj.* 1° Amy ny fari-tany anankiray. 2°—, Any ny ambanivohitra. Accent —. Firokin' *ny ambanivohitra.*

—, *s.* Ambanivohitra.

PROVISEUR, *sm.* Lehiben' ny *lycée.*

PROVISION, *sf.* 1° Vatsy, fitaovana, zavatra voavonona. Provisions de bouche qu'on porte en voyage. *Vatsy.* Il a fait ses provisions. Efa nahavonom-*batsy, fitaovana* izy. Il a sa — de vin. *Vonona* ny divay ilainy. La place est munie de provisions de guerre et de

bouche. *Vonona* ao an-tanána avokoa ny fiadiana sy ny hanina, vonom-*pitaovana* ny tanána. 2° *fig.* Fivononana, fiomanana. Il faut avoir une — de patience. Tokony *hivonona, hiomankandefitra.*

Par provision, *loc. adv.* Vonjy maika.

PROVISIONNEL, ELLE, *adj.* Vonjy maika. Partage —. Fizarana *vonjy maika.*

PROVISIONNELLEMENT, *adv.* Vonjy maika.

PROVISOIRE, *adj.* Vonjy maika. Jugement —. Fitsarana atao *vonjy maika.* Nous avons fait un arrangement —. Nanao fifanarahana *vonjy maika* izahay.

—, *sm.* Ny atao vonjy maika.

PROVISOIREMENT, *adv.* Vonjy maika.

PROVOCANT, ANTE, *adj.* Mihaika, mihatsy. Paroles provocantes. Tony *mihaika,* etc.

PROVOCATEUR, TRICE, *adj.* Mihaika, mihatsy.

—, *s.* Mpihaika, mpihatsy.

PROVOCATION, *sf.* Fihaikana, fihatsiana. Son langage est une —. Tena *fihaikana,* etc., ny teny ataony.

PROVOQUER, *va.* Mihaika, mihatsy. — quelqu'un au combat. *Mihaika, mihatsy* olona hiady. — quelqu'un à boire. *Mihatsy* olona hisotro. — le sommeil. *Mihatsy* torimaso. — le vomissement. *Mihatsy* loa.

Se provoquer, *vpr.* Mifampihaika, mifampihatsy.

PROXIMITÉ, *sf.* 1° Fifanakaikezana. 2° —, Fihavanana.

À proximité, *loc. adv.* Akaiky.

PRUDE, *adj.* Te-hiseho ho hendry, toa hendry, miana-kendry.

—, *sf.* Vehivavy miana-kendry.

PRUDEMMENT, *adv.* Amim-pahamalinana.

PRUDENCE, *sf.* Hamalinana, fahamalinana.

PRUDENT, ENTE, *adj.* Malina. Homme —. Lehilahy *malina.* Il fit une réponse prudente. *Malina* tamy ny valin-teny nataony izy.

PRUDERIE, *sf.* Fisehoana toa hendry, fiana-kendry. Elle se pique de —. Tehiseho *ho hendry, miana-kendry* izy. Sa — est insupportable. Efa mahasosotra ny *fiana-kendriny.*

PRUNE, *sf.* Paisom-bazaha, voandamoty. — malgache. *Voandamoty.*

PRUNEAU, *sm.* Paisom-bazaha maina.

PRUNELLE, *sf.* Anakandriamaso. Conserver quelque chose comme la — de ses yeux. Mitandrin-javatra hoatra ny *anakandriamaso.*

PRUNIER, *sm.* Foto-paisom-bazaha.

PRURIGINEUX, EUSE, *adj.* Mangidihidy, malailay.

PRURIT, *sm.* Hidihidy, lailay.

PSALMISTE, *sm.* Mpamorona ny Salamo.

PSALMODIE, *sf.* 1° Fifamalian-tsalamo. 2° *fig.* Feo ridralava.

PSALMODIER, *vn.* 1° Mifamaly salamo. 2° *fig.* Manao feo ridralava.

PSAUME, *sm.* Salamo. Le livre des Psaumes. Ny bokin' ny *Salamo.*

PSAUTIER, *sm.* Bokin' ny Salamo.

PSEUDONYME, *sm.* Anarana sandoka.

—, *s.* et *adj.* 1° Maka anarana sandoka. 2° —, Misy anarana sandoka. Ouvrage —. Boky *misy anarana sandoka.*

PSYCHOLOGIE, *sf.* Fahaizana momba ny fanahy.

PSYCHOLOGIQUE, *adj.* Momba ny *psychologie.*

PUANT, ANTE, *adj.* Maimbo, mantsina, mavoroka, mamofona, malány, many. Chair puante. Hena *maimbo, mantsina, mavoroka, mamofona.* Pieds puants. Tongotra *malany.* Aisselles puantes. Helika *many.*

PUANTEUR, *sf.* Haimbo, hantsina, havoroka, halany, hamany.

PUBÈRE, *adj.* Ampy taona hanambady.

PUBERTÉ, *sf.* Fahampian-taona hanambady.

PUBLIC, IQUE, *adj.* 1° Any ny vahoaka, — ny be sy ny maro, — ny fanjakana, fantatry ny be sy ny maro. L'intérêt —. Izay mahasoa ny *vahoaka, ny be sy ny maro.* Personnes publiques. Mpanao raharaham-*panjakana.* Chemin —. Lalam-bem-*bahoaka.* C'est le bruit —. Tsahom-*bahoaka,* sahoan' *ny be sy ny maro* izany. C'est une nouvelle qui est déjà publique. *Fantatry ny be sy ny maro* sahady izany zava-baovao izany. 2° —, Atao ampahibemaso. Discussion publique. Ady hevitra *atao ampahibemaso.*

—, *sm*. Vahoaka, ny be sy ny maro. Travailler pour le —. Miasa ho any ny *vahoaka*, etc. Le — a mal accueilli ce livre. Tsy nandray tsara izany boky izany *ny be sy ny maro*.

En public, *loc. adv*. Ampahibemaso.

PUBLICAIN, *sm*. Poblikana.

PUBLICATION, *sf*. Famoahana ampahibemaso, filazana —, fampielezana, famoahana.

PUBLICISTE, *sm*. Mpamoaka laha-teny momba ny politika, ny lalána, etc.

PUBLICITÉ, *sf*. Fanaovana ampahibemaso, fahafantaran' ny be sy ny maro. La — des débats est défendue. Voarara tsy *hatao ampahibemaso* ny fitsarana. Leurs démêlés ont eu la plus grande —. *Fantatry ny be sy ny maro* ny fifandiran' izy ireo.

PUBLIER, *va*. Mamoaka ampahibemaso, milaza —, mitory, mampiely, mamoaka. — une loi. *Mamoaka* lalána *ampahibemaso*. Il ne se lasse point de — les obligations qu'il vous a. Tsy sasatry ny *milaza ampahibemaso* ny soa azony taminao izy. — des bans. *Milaza ampahibemaso* ny hatao mariazy. L'Évangile a été publié par toute la terre. Efa *voatory* eran' izao tontolo izao ny Evanjely. — les miséricordes de Dieu. *Mitory* ny indrafon' Andriamanitra. — une nouvelle. *Mampiely* zava-baovao. — un livre. *Mamoaka* boky.

PUBLIQUEMENT, *adv*. Ampahibemaso.

PUCE, *sf*. 1° Parasy. 2° *fig*. Avoir la — à l'oreille. Manana ahiahy.

—, *adj*. Volon-takatra. Étoffe —. Lamba *volon-takatra*.

PUCERON, *sm*. Haon-kazo.

PUDEUR, *sf*. Henatra, fahadiovana. Il n'a aucune —. Tsy manan-*kenatra*, tsy mahalala *menatra* izy. Respectez la — de cette jeune fille. Hajao ny *fahadiovan'* io zazavavy io. Il loue tout le monde sans —. Tsy *menatra* midera ny olondrehetra izy. Ces paroles blessent la —. *Mahamenatra* ireo teny ireo.

PUDIBOND, ONDE, *adj*. Saro-kenatra, madio.

PUDICITÉ, *sf*. Hadiovana.

PUDIQUE, *adj*. Madio.

PUDIQUEMENT, *adv*. Amim-pahadiovana.

PUER, *vn*. Maimbo, mantsina, mavoroka, mamofona, malány, many. Ces perdrix commencent à —. *Maimbo, mantsina, mavoroka, mamofona* sahady ireo tsipoy ireo. Cet homme pue. *Malány, many* ity lehilahy ity.

—, *va*. Maimbo, mamofona. Il pue l'ail. *Maimbo, mamofona* tongolo gasy izy.

PUÉRIL, ILE, *adj*. Any ny zaza. L'âge —. Ny taom-*pahazazana*. Sentiment —. Hevi-*jaza*. Conduite puérile. Fanahin-*jaza*.

PUÉRILEMENT, *adv*. Toy ny zaza.

PUÉRILITÉ, *sf*. Hevi-jaza, tenin-jaza, fanahin-jaza.

PUERPÉRAL, ALE, *adj*. Momba ny tera-bao. Fièvre puerpérale. Fanaviana mpahazo ny *tera-bao*.

PUGILAT, *sm*. Ady totohondry fanaon' ny ntaolo.

PUÎNÉ, ÉE, *adj*. et *s*. Zandry, lahiaivo, vaviaivo, faralahy, faravavy.

PUIS, *adv*. Rehefa, raha afaka izany, aoriana, vao. Comme Ensuite.

PUISAGE, *sm*. Fanovozana.

PUISARD, *sm*. Lavaka fanangonandrano.

PUISER, *va*. 1° Manovo. — de l'eau à la rivière. *Manovo* rano amy ny renirano. 2° *fig*. Maka, mahazo. Il a puisé cela dans les anciens. Ny bokin' ny ntaolo no *nakany, nangalany, nahazoany* izany. J'ai puisé de grandes consolations dans son entretien. Tamy ny resaka nataony no *nahazoako* fanalana alahelo lehibe.

PUISQUE, *conj*. Satria.

PUISSAMMENT, *adv*. Amin-kery, amim-pahefana.

PUISSANCE, *sf*. 1° Hery, fahefana, fifehezana. La — d'un État. Ny *herin'* ny fanjakana anankiray. La — paternelle. Ny *fahefan'* ny ray. Rome réduisit l'univers sous sa —. Ny Romana nampanaiky izao tontolo izao tao ambanin' ny *fahefany*, ny *fifehezany*. 2° —, Fanjakana. Les puissances de l'Europe. Ny *fanjakana* samihafa any Eoropa. 3° —, Fahazoana. Il n'est pas en sa — de me faire céder. Tsy *mahazo* mampanaiky ahy izy. 4° *fig*. Hery. La — de la vertu. Ny *herin'* ny hatsaram-panahy. L'aimant a la — d'attirer le fer. Ny andriamby manan-*kery* hitarika ny vy. La — de la vapeur. Ny *herin'* ny sitimo.

PUISSANT, ANTE, *adj*. 1° Mahery, be fahefana, mahefa, to teny. Un État —. Fanjakana *mahery*. Un — prince.

Mpanjaka *be fahefana*. Il a des amis puissants. Manan-tsakaiza *mahery, be fahefana* izy. Dieu seul est tout —. Andriamanitra irery no *mahefa* ny zavatra rehetra. Jésus-Christ était — en œuvres et en paroles. *Nahery* tamy ny asa sy ny teny Jeso-Kristy. Il est — auprès du prince. *To teny* amy ny mpanjaka izy. 2°—, Mahomby, lehibe, matavy. Remède —. Fanafody *mahomby*. Il leva une puissante armée. Namory tafika *lehibe* izy. Cette femme est devenue puissante. *Nihamatavy* itsy vehivavy itsy.

—, *sm*. Le Tout-Puissant. Ny Tsitoha, ny Mahefa ny zavatra rehetra. Les puissants de la terre. Ny lehibe, ny manamboninahitra.

PUITS, *sm*. 1° Fantsakana lalina. 2° *fig*. C'est un — de science. Mahay dia mahay izy.

PULLULER, *vn*. 1° Mamozezy, mihabetsaka, mitombo be. Les chenilles ont pullulé cette année. *Namozezy*, etc., ny oli-panjehy tamin' ito. 2° *fig*. Miely.

PULMONAIRE, *adj*. Amy ny avokavoka.

PULMONIE, *sf*. Aretin' avokavoka.

PULMONIQUE, *adj*. et *s*. Marary avokavoka.

PULPE, *sf*. Nofom-boankazo.

PULPEUX, EUSE, *adj*. Misy nofo.

PULSATION, *sf*. Fitepotepo.

PULVÉRISATION, *sf*. Fanamontsamontsanana, fanamongomongoana, fanorotoroana.

PULVÉRISER, *va*. 1° Manamontsamontsana, manamongomongo, manorotoro. 2° *fig*. Manafoana, mandevona.

PULVÉRULENT, ENTE, *adj*. Mora montsana, — mongo.

PUNAISE, *sf*. 1° Kongona. 2°—, Bokobarahina.

PUNIR, *va*. Mamay, mankafay, manasazy, mamaly, manameloka, mampijaly, manody. Dieu punira les méchants. Andriamanitra *hamay, hanazy, hampijaly* ny ratsy fanahy. Il a été puni de ses crimes. Efa *nofaizina, nosazina, novaliana* noho ny heloka nataony izy. Cet enfant a été puni pour une faute légère. *Nofaizina, nosazina* noho ny hadisoana koly foana io zazalahy io. On l'a puni de mort. Efa *nohelohin*-ko faty izy. Il est puni par où il a péché. *Todin'* ny nataony izy. Il faut — le vice et récompenser la vertu. Samy tsy maintsy *hovaliana* ny haratsiana sy ny hatsaram-panahy.

Se punir, *vpr*. Mamay tena. Voy. SE CHATIER.

PUNISSABLE, *adj*. Mendrika hofaizina, — hosazina, — hovaliana, — hohelohina. Faute —. Hadisoana *mendrika hofaizina*, etc.

PUNITION, *sf*. Famaizana, sazy, fanasaziana, valy, fanamelohana, fampijaliana, kapoka. On doit proportionner la — aux fautes. Tsy maintsy hampifanarahina amy ny hadisoana ny *famaizana*, ny *sazy*, ny *fanasaziana*, ny *valy*, ny *fanamelohana*, ny *fampijaliana*. Cela mérite une — corporelle. Tsy maintsy *hampijalina* ny tenan' izay nanao izany. C'est une — de Dieu. *Famaizana, kapoka* avy amin' Andriamanitra izany. Voy. PEINE.

PUPILLE, *s*. Kamboty mbola tsy maoty.

PUPILLE, *sf*. Anakandriamaso.

PUPITRE, *sm*. Latabatra fanoratana, polpitra fametraham-boky fihirana.

PUR, URE, *adj*. 1° Tsy misy fahony, — fangarony, tsy mitampoka, tena, hirihiriny. Or —. Volamena *tsy misy fahony*, — *fangarony, tena* volamena. Vin —. Divay *tsy misy fahony*, — *fangarony, tsy mitampoka*. Ce fruit est du poison tout—. *Tena* poizina ity voankazo ity. C'est un cheval arabe de — sang. *Tena* soavaly arabo io, soavaly arabo *hirihiriny* io. 2°—, Madio. Eau pure. Rano *madio*. Ciel—. Lanitra *madio*. 3°—, Fotsiny, hiany, tokoa. Les anges sont de purs esprits. Ny anjely dia fanahy *fotsiny, hiany*. C'est la pure vérité. Marina *tokoa* izany. 4° *fig*. Marina, madio, mahitsy, mazava. Joie pure. Hafaliana *marina*. Cœur—. Fo *madio*. Il a manié beaucoup d'argent et ses mains sont restées pures. Nanirakira vola be izy, nefa *madio* ny tànany. Style—. Laha-teny *mahitsy*. Chant—. Hira *mazava*.

En pure perte, *loc. adv*. Voy. PERTE.

En pur don, *loc. adv*. Maimaim-poana.

PURÉE, *sf*. Koba. — de haricots. *Koban*-tsaramaso.

PUREMENT, *adv*. 1° Fotsiny, hiany. 2° *fig*. Amim-pahadiovana, mahitsy, mazava.

PURETÉ, *sf*. 1° Hadio, fahadiovana, hadiovana. La — de l'eau. Ny *hadion'* ny

rano. 2° *fig*. Hadio, fahadiovana, hahitsy, hazavana. Il a conservé sa—. Nahatahiry ny *fahadiovany* izy. La—de l'Église. Ny *fahadiovan'* ny Eglizy. La—du langage. Ny *hahitsin'* ny fiteny.

PURGATIF, IVE, *adj*. Mampivalana. —, *sm*. Fampivalanana.

PURGATION, *sf*. 1° Fivalanana. 2°—, Fampivalanana.

PURGATOIRE, *sm*. Afo-fandiovana.

PURGE, *sf*. Fampivalanana.

PURGER, *va*. 1° Mampivalana. 2° *fig*. Manadio, mandroaka, manosika.—le sucre. *Manadio* siramamy. — la ville des bandits. *Mandroaka, manosika* ny androvo ao amy ny tanána.

Se purger, *vpr*. 1° Misotro fampivalanana, manasa kibo, mivalana. 2° *fig*. Midio, manadio tena, miala tsiny, mandroaka, manosika. Il s'est purgé de cette accusation. *Nanadio tena, niala tsiny* tamin' izany fiampangana izany izy.

PURIFIANT, ANTE, *adj*. Mahadio.

PURIFICATEUR, *sm*. Mpanadio, mpandio.

PURIFICATION, *sf*. 1° Fanadiovana, fandiovana. 2°—, Ny nandiovany Masina Mary tena.

PURIFICATOIRE, *sm*. Lamba famaohana ny kalisy.

PURIFIER, *va*. 1° Manadio, mandio. —les métaux. *Manadio*, etc., metaly. 2° *fig*. Manadio. —son cœur. *Manadio* ny fony.

Se purifier, *vpr*. 1° Mihamadio, manadio tena, midio. 2° *fig*. Mihamadio.

PURISME, *sm*. Fitiavan-doatra ny fahitsian-teny.

PURISTE, *s*. Mpitia loatra ny fahitsianteny.

PURPURIN, INE, *adj*. Mena. Lèvres purpurines. Molotra *menamena*.

PURULENT, ENTE, *adj*. Misy nana.

PUS, *sm*. Nana.

PUSILLANIME, *adj*. 1° Osa, kanosa. Homme —. Lehilahy *osa*, etc. 2°—, Mampiseho fahosana. Craintes pusillanimes. Tahotra *mampiseho fahosana*.

PUSILLANIMITÉ, *sf*. Fahosana.

PUSTULE, *sf*. Forofotra, votrovotro, mony. Voy. Éruption, Bouton.

PUSTULEUX, EUSE, *adj*. Forofotra, mamorofotra, mamotrovotro, mivotrovotro, monéna.

PUTATIF, IVE, *adj*. Atao ho.

PUTRÉFACTION, *sf*. Fahalovana, haló, fihaló.

PUTRÉFIER, *va*. Mahaló, mandó.

Se putréfier, *vpr*. Mihaló.

PUTRIDE, *adj*. Lo, mantsina.

PUTRIDITÉ, *sf*. Fahalovana, haló, hantsina.

PYGMÉE, *sm*. 1° Kalanoro. 2° *fig*. Olona zeny.

PYRAMIDAL, ALE, *adj*. Kitso loha maro lafy.

PYRAMIDE, *sf*. Zavatra kitso loha maro lafy, pyramida.

PYTHONISSE, *sf*. Vehivavy notsindrian-javatra, — mpizaha.

Q

QUADRAGÉNAIRE, *adj*. et *s*. Mahatratra efa-polo taona.

QUADRAGÉSIMAL, ALE, *adj*. Amy ny karemy. Jours quadragésimaux. Andro *karemy*.

QUADRANGULAIRE, *adj*. Efa-joro.

QUADRILATÈRE, *sm*. Zavatra efadafy.

QUADRILLE, *sf*. Karazan-dihy.

QUADRUMANE, *adj*. et *sm*. Biby manan-togotra efatra hoatra ny tánan' olona.

QUADRUPÈDE, *adj*. et *sm*. Biby mandia tongotra efatra.

QUADRUPLE, *sm*. Inefatra, inefatra heny. Ma maison est le — de la vôtre. Ny tranoko *inefatra* hoatra ny anao. Cette rizière n'a rapporté que le — de la semence. Izany tanimbary izany tsy nahavokatra afa-tsy *inefatra heny*.

—, *adj*. Inefatra, inefatra heny. Vingt est —de cinq. Ny roapolo dia *inefatra* dimy.

QUADRUPLER, *va*. Mampitombo ine-

fatra, mampitombo inefatra heny. — un nombre. *Mampitombo* isa anankiray *inefatra*. Il a quadruplé sa fortune. *Nampitomboiny inefatra heny* ny hareny.

—, *vn*. Mitombo inefatra, mitombo inefatra heny. Sa classe a quadruplé. *Nitombo inefatra heny* ny mpianany.

QUAI, *sm*. Fefiloha vato ao an-tanána, fefiloha vato flantsonan-dakana na sambo.

QUAKER, QUACRE, *sm* Ny mpangovitra, ny sakaiza

QUALIFICATIF, IVE, *adj*. Milaza toetra. *Bon* est un adjectif —. Ny teny hoe *tsara* dia adjektiva *milaza toetra*.

—, *sm*. Teny milaza toetra.

QUALIFICATION, *sf*. Filazan-toetra, fanaovana ho.

QUALIFIER, *va*. Milaza toetra, manao ho L'ouvrage fut qualifié d'hérétique. *Natao ho* heretika ny boky.

Se qualifier, *vpr*. Manao ny tenany ho.

QUALITÉ, *sf*. 1° Toetra, hatsarana na haratsiana, toetry ny saina, toe-tsaina, toe-panahy, fanahy. Beauté, laideur sont des qualités. Ny hatsaran-tarehy sy ny haratsian-tarehy, dia samy milaza *toetra*. La — d'une terre. Ny *toetry* ny tanimboly anankiray. Ce vin est de — inférieure. Tsy *tsara* loatra izany divay izany. La bonne — des aliments est essentielle à la santé. Ny *hatsaran'* ny hanina no iankinan' ny hasalamana. Cette étoffe est de mauvaise —. *Ratsy* io lamba io Il a de bonnes qualités. Tsara ny *toetrany*, ny *toetry ny sainy*, ny *toe-tsainy*, ny *toe-panahiny*, tsara *fanahy* izy. 2° —, Hatsarana, saina, hatsaram-panahy. Il a beaucoup de qualités. Betsaka ny *tsara* ao aminy, be *saina*, be *hatsaram-panahy* izy. 3° —, Fiandrianana, fahefana. C'est un homme de —. *Andriandahy* izy. Il prend la — de prince. Manandoka ny *fiandrianan'* ny zanak' andriana izy. Vous n'avez point — pour intervenir dans ce procès. Tsy manam-*pahefana* mba hisisika amin' izao ady izao hianao.

En qualité de, *loc. prép*. Satria. En ma — de père, j'ai droit de vous commander. *Satria* ray aho, dia manampahefana mba handidy anao.

QUAND, *adv*. Raboviana, oviana. Je ne sais — j'y pourrai aller. Tsy fantatro na *rahoviana* na *rahoviana* aho no afaka hankany. — viendra-t-il ? *Rahoviana* izy no ho avy ? — est-il arrivé ? *Oviana* izy no tonga ?

—, *conj*. 1° Raha, rahefa, nony, fony, tamy ny. Comme LORSQUE. 2° —, Na dia.... aza. — je le voudrais, je ne le pourrais pas. *Na dia* tiako *aza* izany, dia tsy azoko atao.

QUANT À, *loc. prép*. Raha ny amy ny, raha. — à cette affaire, ne vous en mêlez pas. *Raha ny amin'*izany rahararaha izany, dia aza mikasika. — à lui, il n'y ira pas. *Raha* izy, dia tsy hankany.

QUANTIÈME, *sm*. Ny fahafiriny. Quel — du mois avons-nous ?. *Fahafirin'* ny volana izao ?

QUANTITÉ, *sf*. 1° Isa, zavatra azo refesina na isaina. 2° —, Habetsahana. Il y avait — de monde à la promenade. *Betsaka* ny olona nitsangantsangana. Il y a — de riz. *Be* ny vary. 3° —, Fisondrotan' ny feo amy ny vakiteny iray, aksenta. Il ne sait pas la —. Tsy mahalala ny *vakiteny* tokony *hisondrotan' ny feo*, tokony hasiana *aksenta* izy.

QUARANTAINE, *sf*. 1° Efa-polo, tokony ho efa-polo. Une — d'élèves. Mpianatra *efa-polo*, etc. 2° —, Efa-polo taona. Il a atteint la —. Nahatratra *efa-polo taona* izy. 3° —, Karanténa. Le navire est en —. Ampanaovina *karanténa* ny sambo.

QUARANTE, *adj. num*. Efa-polo.

QUARANTIÈME, *adj*. Fahefa-polo.

—, *sm*. Ny ampahefa-polony.

QUART, *sm*. 1° Ny ampahefany, fahefany. La pendule sonne les quarts. Maneno amy ny isaka ny *ampahefany* ny famantaranandro. Il est deux heures et un —. Amy ny roa sy *fahefany* izao. Une aune trois quarts. Laonina iray sy telo *ampahefany*. 2° —, Fiambenana antsambo. Il a fini son —. Tapi-*niambina* izy.

QUART D'HEURE, *sm*. 1° Ampahefatry ny adim-pamantaranandro. 2° *fig*. Passer un mauvais —. Sahirana izaitsizy.

QUARTE, *adj*. Fièvre —. Fanaviana mihetsika isaka ny hefarana.

QUARTIER, *sm*. 1° Ampahefany, tapany, fe, soroka, vetrany, avaka. Un — de pomme. Ny *ampahefatry* ny paoma. Un — de pain. *Tapa*-mofo. Le — de derrière d'un mouton. Ny ila *fen'* ondry

iray. Le—de devant d'un mouton. Ny ila *sorok'* ondry iray. Le—de derrière d'un porc. Ny *vetra*-kisoa, *ava*-kisoa. 2°—, Fari-tany amy ny tanána iray, fokon'olona. Nous sommes du même—. Miray *fari-tany* ao *an-tanána* izahay. Le—est en émoi. Taitra ny *fokon' olona*. 3°—, Trano fitoeran'ny miaramila, lasy. Les soldats rentrent au—. Miverina amy ny *trano fitoerany*, ao amy ny *lasiny* ny miaramila. Le—général. Ny ao ampovoan'ny *lasy* itoeran' ny komandy. 4°—, Volan-tsinana, volana miroatoko, —milefitra. Nous sommes au premier —. *Tsinana* izao ny *volana*. Nous sommes au dernier —. *Miroatoko, milefitra* izao ny volana. 5° *fig.* Fiantrana, famindram-po. Il faut toujours faire —aux vaincus. Tokony *hiantrana, hamindram-po* mandrakariva ny resy.

QUARTZ, *sm.* Vatokaranana, vatovelona.

QUATORZE, *adj. num.* 1° Efatra amby ny folo. 2°—, Fahefatra amby ny folo Page—. Pejy *fahefatra amby ny folo*.

—, *sm.* Efatra amby ny folo. Nous sommes au—du mois. *Efatra amby ny folon'* ny volana izao.

QUATORZIÈME, *adj.* Fahefatra amby ny folo.

—, *sm.* Ny ampahefatra amby ny folony.

QUATORZIÈMEMENT, *adj.* Fahefatra amby ny folo.

QUATRAIN, *sm.* Tonon-kira efatra andalana.

QUATRE, *adj. num.* 1° Efatra. —fois. *Inefatra.* —jours. *Hefarana.* —à —. *Tsiefatrefatra.* Partager en—. *Manefatra.* C'est partagé en —. *Voaefatra, noefarina, miefatra* izany. 2° —, Fahefatra. Chapitre—. Toko *fahefatra.*

—, *sm.* Efatra. Il est arrivé le—septembre. Tonga tamy ny *efatra* septembra izy.

QUATRE-TEMPS, *sm.* Andro telo fifadian-kanina isaka ny telo volana.

QUATRE-VINGT, *adj. num.* Valopolo. Quatre-vingts personnes. Olona *valopolo.*

QUATRE-VINGTIÈME, *adj.* Fahavalopolo.

—, *sm.* Ny ampahavalopolony.

QUATRIÈME, *adj.* Fahefatra. Faire une chose pour la—fois. *Maninefatra.* Pour la—fois. *Faninefany.*

—, *sm.* Ny ampahefany.

QUATRIÈMEMENT, *adv.* Fahefatra.

QUATRIENNAL, ALE, *adj.* Isan' efa-taona.

QUATUOR, *sm.* Hira inefatra miantoana.

QUE, *pron.* 1° Izay, participe. Les rois—vous servez. Ny mpanjaka *izay* tompoinareo. C'est de vous—je parle. Hianao no *resahiko.* C'est pour lui—je fais cela. Izy no *anaovako* izany. 2°—, Inona. —faites-vous ici? *Inona* no ataonao eto?

—, *conj.* 1° Ho, fa, sao. Il faut—je parle. Tsy maintsy *hiteny* aho. Je crois qu'il ment. Ataoko *fa* mandainga izy. Je crains qu'il ne s'échappe. Manahy aho *sao* mandositra izy. 2°—, Aoka anie, anie, impératif. —Dieu vous bénisse! *Aoka anie* Andriamanitra hitahy anao! hitahy anao *anie* Andriamanitra! —je meure, si cela n'est pas vrai. *Matesa* aho, raha tsy marina izany. 3°—, Noho afa-tsy, raha. Il est plus grand—vous. Lehibebe kokoa *noho* hianao izy. Il ne cherche—la vérité. Tsy mitady *afa-tsy* ny marina izy. Je n'irai point là—tout ne soit prêt. Tsy ho any aho, *raha* tsy efa voavoatra avokoa ny zavatra rehetra. 4°—, Ahoana. —ne demeurez-vous? *Ahoana* no tsy ijanonanao?

—, *adv.* Manao ahoana, inona. —de maux nous accablent! Loza *manao ahoana, inona* izato manjó antsika!

QUEL, QUELLE, *adj.* 1° Iza, inona, firy. —est cet homme? *Iza* iny lehilahy iny? Quelle est cette monnaie? Vola *inona* itony? —heure est-il? Amy ny *firy* famantaranandro izao? 2°—, Izay. Je ne sais—sera ton sort. Tsy fantatro *izay* ho anjaranao. 3°—, Manao ahoana, re. Quelle hardiesse! Hasahiana *manao ahoana*, etc., izany! ‖ *loc.* —que. Na inona na inona. —que soit votre projet. *Na inona na inona* fikasanao. —qu'il soit. Na iza na iza izy. Tel —. Tsy tsara loatra. Du vin tel—. Divay *tsy tsara loatra.*

QUELCONQUE, *adj.* Na inona na inona. Donnez un prétexte—pour vous en aller. Milazà anton-javatra anankiray *na inona na inona* mba handehananao. ‖ *loc.* D'une manière—. Na manao ahoana na manao ahoana.

QUELLEMENT, *adv.* Tellement —. Tsy tsara loatra.

QUELQUE, *adj. indéf.* 1° Olona, sasany, vitsivitsy, kely. Cette réponse est de

— sot. Valin-tenin' *olona* adala izany. Quelques historiens en ont parlé. Mpitantara *sasany, vitsivitsy* no ofa nilaza izany. Il y a — sujet de se plaindre. Misy antony *kely* hiany itarainany. 2° —. Na inona na inona. — remède qu'on lui donne. *Na* fanafody *inona na* fanafody *inona* omena azy. || *loc.* De — manière que vous fassiez. Na manao ahoana na manao ahoana hataonao. — part qu'il reste. Na aiza na aiza itoerany.

—, *adv.* 1° Na manao ahoana na manao ahoana. — puissants qu'ils soient, je ne les crains pas. *Na manao ahoana na manao ahoana* fahefana ananan' izy ireo, tsy matahotra azy aho. 2°—, Tokony, sahabo. Il y a — deux cents ans. *Tokony, sahabo* ho roan-jato taona lasa izay.

QUELQUEFOIS, *adv.* Indraindray. Il se plaint —. Mitaraina izy *indraindray.*

QUELQU'UN, UNE, *pron. indéf.* 1° Iray, anankiray. — de vos amis. *Iray.* etc., amy ny sakaizinao. 2°—, Olona anankiray. J'attends —. Miandry *olona anankiray* aho. 3°—, *pl.* Ny sasany, ny vitsivitsy.

QU'EN DIRA-T-ON, *sm.* Vavan' olona. Il se moque du —. Tsy manahy ny *vavan' olona* izy.

QUENOUILLE, *sf.* Hazo fihazonambohavoba hofolesina.

QUERELLE, *sf.* Fifandirana, fanditra, fifanjihirana, fanjihitra, ady vava. Il y a —entre eux. *Mifanditra, mifanjihitra, miady vava* izy ireo. Chercher —. Comme Quereller.

QUERELLER, *va.* Mila ady, — akisa, — tonony, — vaniny, — sotasota, — antsongony, — antsontsany, — voatsiary.

Se quereller, *vpr.* Mifanditra, mifanjihitra, miady vava.

QUERELLEUR, EUSE, *adj.* et *s.* Mpila ady, — akisa, etc.

QUÉRIR, *va.* Maka. Envoyer —. *Mampaka.*

QUESTION, *sf.* 1° Fanontaniana. 2°—, Zavatra, hevitra, zavatra dinihina, raharaha. — d'histoire. *Zavatra* momba ny tantara. Examiner une —. Mandinika *zavatra, hevitra* anankiray. Ce n'est pas là la —. Tsy izany no *zavatra dinihina.* Il n'est pas — de ce que vous avez dit. Tsy misy manan-*draharaha* amin' izay voalazanao. 3° —, Fampijaliana nàtao tamy ny voampanga mba hampilaza azy ny marina.

QUESTIONNAIRE, *sm.* Fanontaniana maromaro.

QUESTIONNER, *va.* Manontany, manadina. Je vous questionne, répondez. *Manontany,* etc., anao aho, ka valio.

—, *vn.* Manontanintany foana. Il ne fait que —. *Manontanintany foana* lalandava izy.

QUESTIONNEUR, EUSE, *s.* Mpanontanintany foana.

QUÊTE, *sf.* 1° Fitadiavana. Il est en — d'un livre. *Mitady* boky anankiray izy. 2°—, Fangataham-piantrana, fiantrana, fangatabam-bola ho fanampiana. Faire la — pour les pauvres. *Mangata-piantrana* ho any ny mahantra.

QUÊTER, *va.* Mitady, mila. — des louanges. *Mila* dera.

—, *vn.* Mangata-piantrana, mangata-bola ho fanampiana.

QUÊTEUR, EUSE, *s.* Mpangata-piantrana, mpangata-bola ho fanampiana.

QUEUE, *sf.* 1° Rambo, volom-body, hofaka. La — d'un cheval. Ny *rambon*-tsoavaly. La—d'une anguille. Ny *rambon'* amalona. Ce coq a une belle —. Tsara *volom-body* io akoholahy io. La— d'un mouton malgache. *Hofak'* ondry. Robe à —. Zipo lava *rambo.* La — d'un P. Ny *rambon'* ny P. 2°—, Tahozana, tangozana, taho, bango an-katoka. La — des roses. Ny *tahozam*-bonin-draozy. La — des citrouilles. Ny *tangozam*-boatavo. La — d'une poêle. Ny *tahon*-dapoaly. 3° *fig.* Vody, farany, vody lálana, toby, zavatra mifanarakaraka. La — d'une armée. Ny *vody* tafika. Il est à la —. Ao amy ny *farany, vody lálana* izy. Ce qu'il dit n'a ni tête ni —. Tsy misy lohany sy *vodiny* izay lazainy. Cette affaire aura une longue —. Ho lava ny *lohin'* izany raharaha izany. On faisait — à la porte. Nisy *olona* maro *nifanarakaraka* tao am-baravarana.

QUEUE-DE-RAT, *sf.* Tsofa rambomboalavo.

QUI, *pron.* 1° Izay. L'éclair — luit. Ny helatra *izay* manjelatra. J'ignore — a fait cela. Tsy fantatro *izay* nanao izany. 2° —, Iza. — vous l'a dit? *Iza* no nilaza izany taminao? — que ce soit. Comme Quiconque.

QUIA (À), *loc. adv.* Etre à —. Tsy manan-kavaly, resy lahatra, mivanáka. Mettre à —. Mandresy lahatra.

QUIBUS, *sm.* Avoir du —. Be vola, — vato.

QUICONQUE, *pron. m. indéf.* Na iza na iza, na zovy na zovy.

QUIDAM, *sm.* Olona anankiray.

QUIÉTUDE, *sf.* Fiadanana.

QUIGNON, *sm.* Vainga-mofo.

QUILLE, *sf.* 1° Motsifan-tsambo. 2° —, Tsangan-kazo filokana.

QUINCAILLERIE, *sf.* Varo-by na varahina antefiny.

QUINCAILLIER, *sm.* Mpivaro-by na varahina antefiny.

QUINCONCE, *sm.* Voly hazo atao diam-panorona.

QUININE, *sf.* Kinina.

QUINQUAGÉNAIRE, *adj.* et *s.* Mahatratra dimam-polo taona.

QUINQUENNAL, ALE, *adj.* Mahavitra dimy taona, atao isan-dimy taona.

QUINQUET, *sm.* Fanaovan-jiro solika.

QUINQUINA, *sm.* Hazo anaovana kinina.

QUINTAL, *sm.* Lanjan-jato livatra.

QUINTE, *sf.* 1° Fihetsehan' ny kohaka tankintankina. 2° *fig.* Haitraitra, hatezorana.

QUINTESSENCE, *sf.* 1° Ilo. — de rose. *Ilom*-bonin-draozy. 2° *fig.* Fotopotolra, ventimbentiny. La — d'un ouvrage. Ny *fotopoto*-javatra, ny *ventimbentin*-javatra amy ny boky anankiray.

QUINTEUX, EUSE, *adj.* Mihaitraitra, saro-po.

QUINTUPLE, *adj.* Indimy, indimy heny.

—, *sm.* Indimy, indimy heny. Voy. Quadruple.

QUINTUPLER, *va.* Mampitombo indimy, mampitombo indimy heny.

QUINZAINE, *sf.* Dimy amby ny folo, tokony ho dimy amby ny folo.

QUINZE, *adj. num.* 1° Dimy amby ny folo. 2° —, Fahadimy amby ny folo.

—, *sm.* Dimy amby ny folo. Voy. Quatorze.

QUINZIÈME, *adj.* Fahadimy amby ny folo.

—, *sm.* Ny ampahadimy amby ny folony.

QUINZIÈMEMENT, *adv.* Fahadimy amby ny folo.

QUIPROQUO, *sm.* Hadisoan-kevitra.

QUITTANCE, *sf.* Taratasy milaza fahafahan-trosa.

QUITTANCER, *va.* Manisy sonia ny taratasy milaza fahafahan-trosa.

QUITTE, *adj.* 1° Afa-trosa. Je suis — envers vous. *Afa-trosa* aminao aho. 2° —, Afaka. Me voilà — de la corvée. *Afa*-panompoana aho izao.

QUITTER, *va.* 1° Mandao, mahafoy, miala, mamela. — son père. *Mandao, mahafoy* ny rainy. Il a quitté son pays. *Nilaozany, nafoiny* ny tanin-drazany. Il ne quitte pas la chambre. Tsy *miala* ao an-tranony izy. Il a quitté ses mauvaises habitudes. *Niala* tamy ny fahazaran-dratsiny izy. Il a quitté le commerce. *Nilaozany, nafoiny, navelany* ny varotra. 2°—, Manesotra, manala. Quittez votre habit. *Esory, alao* ny akanjonao.

Se quitter, *vpr.* Misaraka.

QUI-VA-LÀ, *int.* Zovy izany !

QUI-VIVE, *int.* 1° Zovy ! 2° *fig.* Être sur le —. Mitandrina tsara, miahiahy, be ahiahy.

QUOI, *pron.* Inona, participe. De— parle-t-on ? *Inona* no resahina ? Il a de — vivre. Manan-*kivelomana* izy. Il n'a pas de — manger. Tsy manan-*kohanina* izy. ‖ *loc* — que. Na inona na inona. — que vous fassiez. *Na inona na inona* hataonao. — qu'il en soit. Na dia izany aza.

—, *int.* Adre ! —, vous me bravez ! *Adre*, manohitra ahy ve hianao !

QUOIQUE, *conj.* Na dia....aza. Quoiqu'il soit pauvre, il est honnête homme. *Na dia* mahantra *aza* izy, dia tsara fanahy hiany.

QUOLIBET, *sm.* Kiniania, voso-dratsy, sangy ratsy, kihaihay. Voy. Plaisanterie.

QUOTE-PART, *sf.* Latsakemboka, latsa-drakitra. Voy. Cote.

QUOTIDIEN, IENNE, *adj.* Isan' andro. Journal —. Gazety mivoaka *isan' andro*.

QUOTIENT, *sm.* Valin' ny fizarana, anjara.

QUOTITÉ, *sf.* Anjara, latsakemboka.

R

RABÂCHAGE, *sm*. Famerimberenan-teny, teny averimberina.
RABÂCHER, *vn*. et a. Mamerimbe-rin-teny.
RABÂCHERIE, *sf*. Teny averimberina.
RABÂCHEUR, EUSE, *s* Mpamerimberin-teny.
RABAIS, *sm*. Fihenám-bidy. Ces livres ont été vendus au —. *Nahena* ny *vidin'* ireo boky ireo.
RABAISSER, *va*. 1° Mampidina kokoa, mandetsy, mampihena. — un tableau. *Mampidina* sary *kokoa*. — le prix d'une marchandise. *Mandetsy, mampihena* vidim-barotra. 2° *fig*. Mamolaka, manetry, manivaiva, manazimbazimba. —l'orgueil de quelqu'un. *Mamolaka* ny fiavonavonan' olona. — quelqu'un. *Manetry, manivaiva* olona. — le mérite de quelqu'un *Manivaiva, manazimbazimba* ny fahamendrehan' olona.
Se rabaisser, *vpr*. Manetry tena.
RABANE, *sf*. Sadiadiaka, jiafotsy.
RABATTRE, *va*. 1° Mampidina, mampihena, manatsotra. Le vent rabat la fumée. Ny rivotra *mampidina* ny setroka. Il faut — beaucoup du prix que vous demandez. Tokony *hahena* be ny vidiny anombananao azy. — les plis d'un vêtement. *Manatsótra* ny ketron' akanjo. 2° *fig*. Mamolaka, mampihena. — la fierté de quelqu'un. *Mamolaka* ny fianjonanjon' olona. Il y a beaucoup à — de ce qu'il dit. Tokony *hahena* lavitra ny filazany.
—, *vn*. Mivily, mihodivitra. Là-bas vous rabattrez à l'ouest. Rahefa any ery dia *mivilia, mihodivira* miankandrefana hianao.
Se rabattre, *vpr*. 1° Midina. La fumée se rabat. *Midina* ny setroka. 2° —, Mivily, mihodivitra.- 3° *fig*. Mifindra, afatsy. Après avoir parlé de choses indifférentes, il se rabattit sur la politique. Rahefa niresaka zavatra tsinontsinona izy, dia *nifindra* tamy ny politika. Il se rabattit à demander simplement une chose. Tsy nangataka *afa-tsy* zavatra iray monja izy.
RABBIN, *sm*. Mpampianatra Jody.
RABBINISME, *sm*. Fampianaran' ny *rabbin*.
RABÊTIR, *va*. Mahadala, mahadomelina.
—, *vn*. Mihadala, mihadomelina.
RABONNIR, *va*. Mahatsara.
RABOT, *sm*. Raboa.
RABOTER, *vn*. Mamankona amy ny raboa.
RABOTEUX, EUSE, *adj*. Marokoroko, mirokoroko. Bois —. Hazo *marokoroko*, etc. 2° —, Mikitoantoana. Chemin —. Lálana *mikitoantoana*. 3° *fig*. Tsy mirindra tsara. Style —. Laha-teny *tsy mirindra tsara*.
RABOUGRI, IE, *adj*. Hetry, kelantitra, vatokely, botry. Arbre —. Hazo *hetry*. Homme —. Olona *hetry*, etc.
RABOUGRIR, *va*. Mampahetry, mahabotry. Le froid rabougrit les plantes. Ny hatsiaka *mampahetry* ny zava-maniry.
—, *vn*. Mihahetry, mihavatokely, mihabotry.
Se rabougrir, *vpr*. Mihahetry, mihavatokely, mihabotry.
RACAILLE, *sf*. Fakon' olona, tsaikan' olona, faikan'olona.
RACCOMMODAGE, *sm*. Fanamboarana.
RACCOMMODEMENT, *sm*. Fampifanarahana, fampihavanana.
RACCOMMODER, *va*. 1° Manamboatra. — un habit. *Manamboatra* akanjo. 2° *fig*. Mampifanaraka, mampihavana. — deux amis. *Mampifanaraka*, etc., mpisakaiza roa.
Se raccommoder, *vpr*. Mifanaraka, mihavana.
RACCOMMODEUR, EUSE, *s*. Mpanamboatra.
RACCORD, *sm*. Fifanarahana.
RACCORDEMENT, *sm*. Fampifanarahana.
RACCORDER, *va*. Mampifanaraka.
RACCOURCI, IE, *p*. et *adj*. Voafohy, nohafohezina, fohy. Habit —. Akanjo *nohafohezina*. Histoire raccourcie de la

guerre. Tantara *fohifohy* milaza ny ady.

En raccourci, *loc. adv.* Amy ny teny fohifohy. Comme En abrégé.

RACCOURCIR, *va.* Manafohy, mahafohy. — une corde. *Manafohy* tady. Voy. Abréger.

—, *vn.* Mihafohy. Les jours raccourcissent. *Mihafohy* ny andro.

Se raccourcir, *vpr.* Mihafohy, mihemotra. Cette toile se raccourcit au blanchissage. *Mihafohy*, etc., ity lamba ity raha sasana.

RACCOURCISSEMENT, *sm.* Fanafohezana, hafohy. fahafohezana.

RACCOUTUMER (SE), *vpr.* Mihazatra indray.

RACCROC, *sm.* Sendrasendra.

Par raccroc, *loc. adv.* Sendrasendra. Il a gagné par —. *Sendrasendra* no nahazoany.

RACCROCHER, *va.* Manantona indray. Raccrochez ce tableau. *Ahantony indray* io sary io.

Se raccrocher, *vpr.* Misarangotra, mamikitra, miñkitra, mamahatra. Il était noyé, s'il ne s'était raccroché à une branche. Saika maty an-drano izy, raha tsy *nisarangotra*, etc., tamy ny rantsan-kazo.

RACE, *sf.* 1° Firazanana, taranaka, tamingana, fara. Il est d'une — illustre. Avo *razana* izy. Il est de la — royale. *Taranak'* andriana izy. Il n'a point laissé de —. Lany *taranaka, tamingana, fara* izy. 2° —, Karazana. La — blanche. Ny *karazan'* olona fotsy hoditra. Ce cheval est de bonne —. Tsara ny *karazan'* io soavaly io. ‖ *loc.* La — humaine. Ny olombelona.

RACHAT, *sm.* Fividianana indray, fanavotana.

RACHETABLE, *adj.* Azo vidina indray, azo avotana.

RACHETER, *va.* 1° Mividy indray, manavotra. J'ai racheté ma maison. Efa *novidiko indray, navotako* ny tranoko. J'ai vendu mes livres pour en — d'autres. Efa nivarotra ny bokiko aho mba *hividy* hafa *indray*. — les prisonniers. *Manavotra* ny sambo-belona. 2° —, Manonitra. Ses qualités rachètent ses défauts. Ny hatsaram-panahiny *manonitra* ny hadisoany.

Se racheter, *vpr.* 1° Miavo-tena. 2° —, Onerana.

RACHITIQUE, *adj.* Hetry, botry, vatokely. Enfant —. Zaza *hetry*, etc.

RACHITISME, *sm.* Hahetry, habotry, havatokely.

RACINE, *sf.* 1° Faka. Ces arbres poussent de profondes racines. *Mamaka*, latsa-*paka* lalina ireo hazo ireo. 2° —, Vodin-java-maniry. Il ne vit que de racines. *Vodin-java-maniry* hiany no ivelomany. 3° —, Fototra, vody. L'ongle est découvert jusqu'à la —. Miseho hatramy ny *fotony* ny hoho. La — de la dent est ébranlée. Mihozongozona ny *vody* nify. 4° *fig.* Faka, fototra. La vertu a jeté de profondes racines dans son cœur. Latsa-*paka* lalina tao am-pony ny hatsaram-panahy. L'orgueil est la — de tous les vices. Ny fiavonavonana no *fototry* ny haratsiana rehetra. 5° —, Foto-teny, foto-tsokera. Le mot hataka est la — de fangatahana. Ny *teny* hoe hataka no *fototry* ny *teny* hoe fangatahana. 4 est la — de 16. Ny 4 no *foto-tsokeran'* ny 16.

RACLÉE, *sf.* Kapoka mirivirivy. Il lui a donné une —. *Nokapohiny mirivirivy*, nandalasiny izy.

RACLER, *va.* 1° Manihy, mikiky, mikaoka, misoroka. — de la corne *Manihy, mikiky* tandroka. Raclez la marmite. *Kaohy* ny vilany. — des allées. *Misoroka* arabe. 2° —, Misafo. — une mesure. *Misafo* famarana. 3° *fig.* Ratsy fitendry lokanga.

RACLEUR, *sm.* 1° Mpanihy, mpikiky, mpikaoka, mpisoroka. 2° *fig.* Mpitendry lokanga tsy mahay.

RACLOIR, *sm.* Fanihisana, fikikisana, fikaohana, fisorohana.

RACLOIRE, *sf.* Hazo fisafoam-pamarana.

RACLURE, *sf.* Hihy, kiky, kaoka.

RACOLAGE, *sm.* Fitarihana olona.

RACOLER, *va.* Mitarika olona. Il a racolé quelques partisans. *Nahatarika* olona vitsivitsy hiandany aminy izy.

RACONTAGE, *sm.* Tsaho, sahoa. Les racontages des journaux. Ny *tsaho*, etc., lazain' ny gazety.

RACONTER, *va.* Mitantara. Il nous raconta ses voyages. *Nitantara* taminay ny dia nalehany izy.

RACONTEUR, EUSE, *s.* Olona be tataria.

RACORNIR, *va.* Mampikarainkona, mampikainkona.

Se racornir, *vpr.* Mikarainkona, mikainkona. Le cuir se racornit au feu. Ny hoditra *mikarainkona,* etc., raha azon'ny afo.

RACORNISSEMENT, *sm.* Fikarainkona, fikainkona.

RACQUITTER (SE), *vpr.* Mivaly faty.

RADE, *sf.* Fitodian-tsambo.

RADEAU, *sm.* Zahatra. L'armée passa sur des radeaux. Nita tamy ny *zahatra* ny tafika.

RADIATION, *sf.* 1° Famonoan-tsoratra. 2°—, Famirapiratana.

RADICAL, ALE, *adj.* Lehibe indrindra, fototra, tanteraka. Le vice — de ce gouvernement est que.... Ny haratsiana *lehibe indrindra* amin'izany fombam-panjakana izany dia izao....

—, *sm.* 1° Foto-teny. 2°—, Olona ta-hanova indrindra ny fombam-panjakana.

RADICALEMENT, *adv.* Indrindra, tanteraka. Convention — nulle. Fanekena foana *indrindra.* Il est guéri —. Sitrana *tanteraka* izy.

RADICULE ou **RADICELLE,** *sf.* Zana-paka, faka madinika.

RADIER, *va.* Mamono. — un nom d'une liste. *Mamono* anaran' olona anankiray ao amy ny rejistra.

RADIEUX, EUSE, *adj.* 1° Mamirapiratra. Le soleil était —. *Namirapiratra* ny masoandro. 2° *fig.* Miramirana. Son visage devint —. *Nihamiramirana* ny endriny.

RADIS, *sm.* Karazan' anana mamody, radý.

RADIUS, *sm.* Taolan-tsandry mitohy amy ny ankibe.

RADOTAGE, *sm.* Firediredy, firediredena.

RADOTER, *vn.* Mirediredy.

RADOTERIE, *sf.* Rediredy.

RADOTEUR, EUSE, *s.* Mpirediredy.

RADOUB, *sm.* Fanamboaran-tsambo.

RADOUBER, *va.* Manamboatra.

Se radouber, *vpr.* 1° Amboarina. 2° — Mivaly faty, mihamatanjaka, mahazo nofo.

RADOUCIR, *va.* 1° Manalemy, mampitony. Radoucissez votre ton. *Halemeo* ny feonao. La pluie radoucit le temps. Ny ranonorana *mampitony* ny andro. 2° *fig.* Mampionona, mampitony, manaketraka, manalefaka. Tâchez de le —. Mikeleza aina mba *hampionona,* etc., azy. Voy. Adoucir.

Se radoucir, *vpr.* 1° Mihamalemy, mitony. 2° *fig.* Mionona, mitony, mihaketraka, mihamalefaka.

RADOUCISSEMENT, *sm.* 1° Fitony. 2° *fig.* Halefaka, halefahana.

RAFALE, *sf.* Rivotra mifofofofo mafy, rivotra mafy indray manintona.

RAFFERMIR, *va.* 1° Manamafy, manatanjaka. 2° *fig.* Mankahery, manamafy. Comme Affermir.

Se raffermir, *vpr.* 1° Mihamafy, mihatanjaka, mihamatanjaka. 2° *fig.* Mihahery, mihamafy.

RAFFERMISSEMENT, *sm.* Fanamafisana, fanatanjahana.

RAFFINAGE, *sm.* Fandiovana.

RAFFINÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Voadio tsara, nodiovina tsara, madio. Sucre—. Siramamy *voadio tsara,* etc. 2° —, Marani-tsaina izaitsizy, fetsy. C'est un esprit —. Olona *marani-tsaina izaitsizy,* etc., izy.

RAFFINEMENT, *sm.* 1° Haranitan-tsaina izaitsizy, hafetsena. 2° —, Habetsahan-doatra. Il a fait cela par un — de méchanceté. Tamy ny hasomparana *be loatra,* izaitsizy no nanaovany izany.

RAFFINER, *va.* Mandio, manadio. — le sucre. *Mandio,* etc., siramamy.

—, *vn.* Marani-tsaina izaitsizy. Il aime à — sur la langue. Ta-hampiseho *haranitan-tsaina izaitsizy* momba ny fiteny izy.

Se raffiner, *vpr.* Mihafetsy.

RAFFINERIE, *sf.* Trano fandiovan-tsiramamy.

RAFFINEUR, *sm.* Mpandio, mpanadio.

RAFFOLER, *vn.* Adala, matimaty. Il raffole de la musique. *Adalan*-kira etc., izy.

RAFISTOLER, *va.* Manamboaboatra. — une robe. *Manamboaboatra* zipo.

RAFLE, *sf.* Fipaohana, fifaohana.

RAFLER, *va.* Mipaoka, mifaoka. —l'argent du jeu. *Mipaoka,* etc., ny vola natao loka.

RAFRAÎCHIR, *va.* 1° Mampangatsiatsiaka. La pluie a rafraîchi le temps. Ny ranonorana *nampangatsiatsiaka* ny andro. 2°—, Mampamirapiratra, mamarana. — un tableau. *Mampamirapiratra* sary mihoso-doko. — les cheveux. *Mamaram*-bolo. 3° *fig.* Je lui en ai rafraî-

chi la mémoire. Nampahatsiaroviko izany indray izy.
—, *vn*. Mihamangatsiatsiaka.
Se rafraîchir, *vpr*. 1° Mihamangatsiatsiaka. 2°—, Misotro kely, mitsakotsako kely.
RAFRAÎCHISSANT, ANTE, *adj*. Mampangatsiatsiaka. Boisson rafraîchissante. Fisotro *mampangatsiatsiaka*.
—, *sm*. Fisotro na hanina mampangatsiatsiaka.
RAFRAÎCHISSEMENT, *sm*. 1° Fampangatsiatsiahana, fangatsiatsiahana. 2° —, *pl*. Fisotro kely, zavatra tsakotsakoina kely. Voulez-vous prendre quelques rafraîchissements? Moa te-*hisotro kely*, te-*hitsakotsako kely* va hianao?
RAGAILLARDIR, *va*. Mampariadriaka, mahasariadriaka, mahafalifaly, maharavoravo, mahavelombelona, mahamiramirana. Votre accueil l'a ragaillardi. Ny fandraisana nataonao taminy *nampariadriaka*, etc., azy. Voy. GAILLARD.
RAGE, *sf*. 1° Haromotana. 2° —, Fisafoaka, fifoaka, fisamontitra, fitroatra, fifoaba. 3° —, Hadalana. Il a la rage du jeu. *Adalan*-doka izy. Voy. ENRAGER.
À la rage, *loc. adv*. Izaitsizy. Aimer quelqu'un à la —. Tia olona *izaitsizy*.
RAGER, *vn*. Misafoaka, mifoaka, misamontitra, mitroatra, mifoaba, romotra.
RAGEUR, EUSE, *s*. Mpisafoaka, etc.
RAGOÛT, *sm*. Nahandro fy misy lasaosy.
RAGOÛTANT, ANTE, *adj*. 1° Fy, matsiro, mafilotra. Mets ragoûtants. Nahandro *fy*, etc. 2° *fig*. Mahafinaritra. Enfant propre et —. Zaza kely madiodio sady *mahafinaritra*.
RAGOÛTER, *va*. Mampazoto homana.
RAGRAFER, *va*. Mampiditra zaigrafy indray.
RAGRANDIR, *va*. Manabo, manalehibe, manalalaka. Voy. AGRANDIR.
Se ragrandir, *vpr*. Mihalehibe, mihalalaka. Le trou s'est ragrandi. *Nihalehibe, nihalalaka* ny lavaka.
RAIDE, *adj*. 1° Henjana, mihinjitra, mihinjihinjy, miridiridy, miziriziry. Cette corde est trop —. *Henjana, miridiridy* loatra io tady io. Il a le bras —. *Henjana, mihinjitra, mihinjihinjy* ny sandriny. Il a une attitude —. *Miridiridy, miziriziry* izy. 2°—, Mideza. Montagne—. Tendrombohitra *mideza*. 3° *fig*. Mitompo teny fantatra, lozabe, mahery setra. Il a un caractère —. *Milompo teny fantatra*, etc., izy.
—, *adv*. Tery. Tomber — mort. Maty *tery*.
RAIDEUR, *sf*. 1° Hahenjana, fihinjitra, fihinjihinjy, firidiridy, fiziriziry. 2°—, Fideza. 3° *fig*. Fitompoan-teny fantatra, halozana.
RAIDILLON, *sm*. Fiakarana kely.
RAIDIR, *va*. Manenjana, manínjitra. Raidissez le bras. *Henjano, ahinjiro* ny sandry.
—, *vn*. Mihahenjana, miridiridy.
Se raidir, *vpr*. 1° Mihahenjana, mihinjitra, mihinjihinjy, miridiridy, miziriziry. 2° *fig*. Manohitra, tsy mety ketraka. Il ne faut pas se — contre la force. Tsy tokony *hanohitra* ny mahery. Il se raidit contre le malheur. *Tsy mety hetraky* ny fahoriana izy.
RAIE, *sf*. Tsipika, soritra, soratra, tsifa. Faire une — sur une muraille. Manao *tsipika, soritra* amy ny ampiantany. Ce cheval a une — noire sur le dos. Misy *tsipika* mainty mamaky ao an-damosin' io soavaly io. Étoffe à mille raies. Lamba *misoratsoratra*. — qu'on fait aux cheveux. *Sori*-bolo. — saillantes qu'on met sur les étoffes en les tissant. *Tsifan*-damba.
RAIFORT, *sm*. Anana mamody.
RAILLER, *va*. Mamazivazy, mamosobosotra, mananihany, manaraby. — quelqu'un. *Mamazivazy*, etc., olona. Voy. PLAISANTER.
—, *vn*. Manao kivazivazy, — kivosobosotra, — kisangisangy. Je ne raille point. Tsy *manao kivazivazy*, etc., aho.
Se railler, *vpr*. Mamazivazy, mananihany, manao ho tsinontsinona, tsy manisy raharaha. Voy. SE MOQUER.
RAILLERIE, *sf*. Famazivaziana, kivazivazy, famosobosorana, vosobosotra, kivosobosotra, fananihaniana, fanarabiana, kisangisangy.
RAILLEUR, EUSE, *s*. et *adj*. Mpamazivazy, mpamosobosotra, mpananihany, mpanaraby, mpanao kivazivazy, — kivosobosotra, — kisangisangy.
RAINETTE, *sf*. Sahona. — verte qui se tient sur les arbres. *Sahombora, sahomborera*.
RAINURE, *sf*. Vavin-drafitra.
RAISIN, *sm*. Voaloboka. Une grappe de —. Salohim-*boaloboka*.
RAISINÉ, *sm*. Voaloboka voahandro tamy ny siramamy.

RAISON, *sf.* 1° Saina, fanahy. Il a l'usage de la —. Vory *saina* izy. Il a perdu la —. Very *saina* izy. Souvent la — est faible contre les passions. Matetika osa ny *fanahy* raha hanohitra ny filan-dratsy. 2°—, Fahendrena, marina, rariny. Il parle —. Miteny amim-*pahendrena* izy. Il a —. *Marina* ny azy. Il entend —. Manaiky ny *marina*, ny *rariny* izy. Il m'a donné —. Nolazainy fa *marina* ny ahy. 3°—, Fanonerana. Il m'a offensé, j'en ai tiré —. Nanevatova ahy izy, ka *nampanoneriko* izany. 4°—, Porofo, antony, fotony. Je me rends à vos raisons. Ekeko ny *porofo* ataonao. Il y a — de douter. Misy *antony, fotony* hisalasalana. Il voyage pour raisons de santé. Ny hasalamana no *antony, fototry* ny diany.

À plus forte raison, *loc. adv.* Fa mainka.

À raison, *loc. prép.* Araka. On l'a payé à — de l'ouvrage qu'il a fait. Nomembola *araka* ny asa nataony izy.

En raison de, *loc. prép.* Noho.

RAISONNABLE, *adj.* 1° Manan-tsaina. L'homme est un être —. Ny olombelona dia zavatra *manan-tsaina*. 2°—, Hendry, manao araka ny marina, manaraka ny rariny, mandefitra. Ce jeune homme est devenu —. *Nihahendry* io tovolahy io. Ce marchand est —. *Manao araka ny marina, manaraka ny rariny* io mpivarotra io. Il faut se montrer — dans les situations difficiles. Tokony hampiseho *fandeferana* raha misy zava-tsarotra. 3°—, Araka ny marina, — ny rariny, antoniny. Sa conduite est —. *Araka ny marina, — ny rariny* ny ataony. Le blé est à un prix —. *Antonintoniny* ny vidin' ny varim-bazaha.

RAISONNABLEMENT, *adv.* Amim-pahendrena, araka ny marina, araka ny rariny, antonintoniny.

RAISONNÉ, ÉE, *adj.* Misy porofo tsara, voafotopototra tsara. Requête raisonnée. Taratasy fangatahana *misy porofo tsara.* Grammaire raisonnée. Gramara *voafotopototra tsara.*

RAISONNEMENT, *sm.* 1° Famotopotorana, fanaporofoana, porofo, fanamarinana. Il a un — exquis. Mahay *mamotopoto*-javatra izy. A quoi tendent tous ces raisonnements? Inona no iafaran' ireo *fanaporofoana, porofo, fanamarinana* rebetra ireo? 2°—, Famalivaliana.

RAISONNER, *vn.* 1° Mamotopototra, manaporofo, manamarina. C'est le propre de l'homme de —. Anjaran' ny olombelona ny *mamotopototra*, etc., zavatra. Nous avons beaucoup raisonné sur cette affaire. Efa *namotopototra* fatratra ny amin' izany raharaha izany izahay. Il raisonne sur de faux principes. Miankina amy ny foto-kevitra tsy marina izy amy ny *fanaporofoana, fanamarinana* ataony. 2°—, Mamalivaly, be famaliana. Cet enfant raisonne trop. *Mamalivaly*, etc., io zazalahy io.

—, *va.* Mamotopototra. Il raisonne toutes ses actions. *Mamotopototra* ny zavatra rehetra ataony izy.

Se raisonner, *vpr.* Mamotopototra.

RAISONNEUR, EUSE, *s.* 1° Mpanaporoforofo foana. 2°—, Mpamalivaly.

RAJEUNIR, *va.* Mahatanora, mampahatanora. Sa perruque le rajeunit. *Mahatanora*, etc., azy ny solovolony.

—, *vn.* Mihatanora.

Se rajeunir, *vpr.* 1° Mihatanora, malain-ko antitra.

RAJEUNISSEMENT, *sm.* Fampahatanorana, fihatanorana.

RAJUSTEMENT, *sm.* Fanamboarana.

RAJUSTER, *va.* Manamboatra. — un ressort. *Manamboatra* vimiaina. Voy. AJUSTER.

Se rajuster, *vpr.* 1° Amboarina. 2°—, Manamboatra ny fitafiana.

RÂLE, *sm.* Tsikoza, tsikia.

RÂLE ou **RÂLEMENT,** *sm.* Trona, fitrona.

RALENTIR, *va.* 1° Mampiadana. Ralentissez un peu votre marche. *Adano* kely ny dianao. 2° *fig.* Mampihena.

Se ralentir, *vpr.* 1° Miadana. 2° *fig.* Mihena. Son zèle se ralentit. *Mihena* ny fahazotoany.

RALENTISSEMENT, *sm.* 1° Fiadanana. 2° *fig.* Fihenána.

RÂLER, *vn.* Mitrona.

RALLIEMENT, *sm.* Famoriana indray, fivoriana indray. Point de—. Fitoerana *hivorian'ny* mpiantafika *indray*; *fig.* hevitra iray ifanarahana. Signe de—. Famantarana *hivorian'* ny mpiantafika *indray*; *fig.* famantarana hilankahalalana.

RALLIER, *va.* 1° Mamory indray. — des troupes. *Mamory* mpiantafika *in-*

dray. 2° *fig*. Mampifanaraka, mampiray hevitra. Sa proposition a rallié les esprits. Ny hevitra naposany *nampifanaraka, nampiray hevitra* ny olona.

Se rallier, *vpr*. 1° Mivory indray. 2° *fig*. Miray hevitra, mikambana.

RALLONGE, *sf*. Tohy, tovana. Une — de table. *Tohy, tovan*-databatra.

RALLONGEMENT, *sm*. Fanovanana.

RALLONGER, *va*. Manovana. — une jupe. *Manovana* zipo tapaka.

RALLUMER, *va*. 1° Mandrehitra indray, mampirehitra—, mamelona—. Rallumez la chandelle. *Areheto, ampireheto, velomy indray* ny jiro. 2° *fig*. Mampirehitra indray, mamelona indray. Voy. ALLUMER.

Se rallumer, *vpr*. Mirehitra indray, velona indray.

RAMAGE, *sm*. 1° Fitsiatsiaka. Le — du cardinal. Ny *fitsiatsiaky* ny fody. 2° *fig*. Fivatsavatsa, fipentsompentsona.

RAMAIGRIR, *va*. Mankahia indray.

—, *vn*. Mihamahia indray.

RAMAS, *sm*. Korontana, fanangonana, famoriana, fivoriana. Comme RAMASSIS.

RAMASSÉ, ÉE, *adj*. Fonetana. Cheval —. Soavaly *fonetana*.

RAMASSER, *va*. 1° Manangona, mamory. — des médailles. *Manangona*, etc., medaly. — les débris de l'armée. *Manangona*, etc., ny mpiantafika sisa tsy maty. 2°—, Mandray, mitsimpona, mifako. Ramassez votre mouchoir. *Raiso* ny mosaranao. Ramassez ces épis de blé. *Tsimpony* ireo salohim-barim-bazaha ireo. — des herbes éparpillées çà et là. *Mifako* bozaka.

Se ramasser, *vpr*. 1° Miangona, mivory. 2°—, Mikainkona. Le hérisson se ramasse dès qu'on le touche. *Mikainkona* ny sokina raha vao tohinina.

RAMASSEUR, *sm*. Mpanangona, mpamory.

RAMASSIS, *sm*. Korontana, fanangonana, famoriana, fivoriana. Un — de papiers inutiles. *Korontan*-taratasy tsinontsinona, taratasy tsinontsinona *voangona, voavory*.

RAME, *sf*. 1° Fivoy. 2°—, Rimon-taratasy.

RAMEAU, *sm*. 1° Rantsan-kazo, sampan-kazo. Un —d'olivier. *Rantsan*'oliva. Le dimanche des Rameaux. Ny alahadin' ny *Rantsan-kazo*, etc. 2°—, Fisampana, firantsana, fisandrahaka. Ce nerf se partage en plusieurs rameaux. *Misampantsampana, mirantsandrantsana, misandrahaka* maro io hozatra io. 3° *fig*. Fizarana, antokony.

RAMÉE, *sf*. Sampan-kazo, rantsan-kazo. Danser sous la —. Mandihy eo ambanin' ny *sampan-kazo*, etc.

RAMENER, *va*. 1° Mitondra miverina, — mody, manatitra indray, mamerina. Ramenez le cheval à l'écurie. *Ento miverina, — mody* ao amy ny tranony ny soavaly. J'ai ramené mon enfant à l'école. *Naleriko indray, naveriko* tao amy ny sekoly ny zanako. 2° *fig*. Mampiverina, mampody. Il a ramené son fils à la vraie foi. *Naveriny* ho amy ny finoana marina ny zanany. La paix a ramené l'abondance. Ny fanekem-pihavanana *nampody* ny habetsahan-javatra.

RAMER, *vn*. 1° Mivoy. 2° *fig*. Misasatra. Il a bien ramé pour faire sa fortune. *Nisasatra* mafy izy mba hahazoany harena.

RAMEUR, *sm*. Mpivoy.

RAMEUX, EUSE, *adj*. Mirantsandrantsana. Tige rameuse. Tahon-javamaniry *mirantsandrantsana*.

RAMIER, *sm*. Voromailala dia.

RAMIFICATION, *sf*. 1° Fisampantsampanana, firantsandrantsanana, fisandrahaka. 2° *fig*. Fizarana, antokony, fielezana. Cette science a plusieurs ramifications. *Mizarazara* maro, misy *antokony* maro izany fahaizana izany. Le complot avait de nombreuses ramifications. *Niely* be hiany ny teti-dratsy.

RAMIFIER (SE), *vpr*. 1° Misampantsampana, mirantsandrantsana, misandrahaka. 2° *fig*. Mizarazara, misy antokony maro, miely.

RAMOLLIR, *va*. Mahalemy. La chaleur ramollit la cire. Ny hafanana *mahalemy* ny savoka.

Se ramollir, *vpr*. Mihalemy.

RAMOLLISSANT, ANTE, *adj*. Mahalemy, manaketraka.

—, *sm*. Fanafody manaketraka.

RAMOLLISSEMENT, *sm*. Fahalemena, halemena, fahalemena.

RAMONAGE, *sm*. Famafana molaly amy ny fivoahan-tsetroka.

RAMONER, *va*. Mamafa molaly amy ny fivoahan-tsetroka.

RAMONEUR, *sm.* Mpamafa molaly amy ny fivoahan-tsetroka.

RAMPANT, ANTE, *adj.* 1° Mandady, mandadina. Animal —. Biby *mandady.* Plante rampante. Zava-maniry *mandady,* etc. 2° *fig.* Mandady. Homme —. Olona *mandady.*

RAMPE, *sf.* 1° Arofanin-tohatra. 2° —, Fiakarana, kisolosolo.

RAMPER, *vn.* 1° Mandady, mandadina. 2° *fig.* Mandady. Il rampe pour obtenir une faveur. *Mandady* mba hahazo soa izy.

RAMURE, *sf.* Tandroky ny serfa.

RANCE, *adj.* Mafaraka. Du lard —. Matomperin-kisoa *mafaraka.*

—, *sm.* Hafaraka.

RANCIR, *vn.* Mihamafaraka.

RANCISSURE ou **RANCIDITÉ,** *sf.* Hafaraka.

RANÇON, *sf.* Vola avotry ny sambobelona.

RANÇONNER, *va.* 1° Mampandoa vola be. L'ennemi rançonna la ville. Ny fahavalo *nampandoa vola be* ny tanána. 2° *fig.* Mamery. Cet aubergiste rançonne tout le monde. *Mamery* olona be loatra io tompon-tranom-bahiny io.

RANCUNE, *sf.* Lolom-po, otri-po, levenan'ovy, fo mivonto.

RANCUNIER, IÈRE, *adj.* et *s.* Manao lolom-po, etc.

RANG, *sm.* 1° Andalana, laharana, lahatra, filaharana. Mettez les soldats sur deux rangs. Ataovy roa *andalana* ny miaramila. Enfoncer les rangs ennemis. Mamaky ny *laharan'* ny fahavalo. Mettez bien ces enfants en —. Ataovy tsara *lahatra, alaharo* tsara ireo ankizy madinika ireo. Ils prirent place chacun selon leur —. Samy nipetraka araka ny *filaharany* avy izy rehetra. 2° *fig.* Fiamboniana, fiandrianana, toetra. Il garde bien son —. Mitandrina tsara ny *fiamboniany,* ny *fiandrianany* izy. Il est d'un — élevé. Ambony *toetra* izy. Il sort du — le plus bas. Avy amy ny *toetra* ambany indrindra izy. 3° —, Filaharana, antokony, isa. C'est un orateur du second —. Amy ny *filaharana, antokony* faharoa io mpandaha-teny io. Il est sur les rangs pour obtenir cette place. *Anisan'*izay ta-hahazo izany raharaha izany izy. Il m'a mis au — de ses amis. Nataony *anisan'* ny sakaizany aho.

RANGÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Voalahatra, nalahatra, tafalahatra, milahatra, voalamina, nalamina, tafalamina, milamina, voampirina, nampirimina, miampirina. Bataille rangée. Ady *milamina.* 2° *fig.* Tia filaminana, mahay miaina. Homme —. Lehilahy tia *filaminana,* etc. 3° —, Natao anisa, anisa.

RANGÉE, *sf.* Andalana. Une — de chaises. Seza iray *andalana.*

RANGER, *va.* 1° Mandahatra, mandamina, mampirina. — des livres. *Mandahatra,* etc., boky. — une chambre. *Mandamina* trano. 2° —, Mampibataka, mampitanila. Rangez cette table. *Ahataho* ity latabatra ity. — une voiture. *Mampitanila* kalesy. 3° *fig.* Mampanaiky, mampanaraka. Il rangea cette province sous sa domination. *Nampanaiky* izany fari-tany izany ho ao ambanin'ny fanapahany izy. Je le rangerai à la raison. *Hampanarahiko* ny mety izy. 4° —, Manao anisa. On le range parmi les savants. *Atao anisan'* ny olo-mahay izy.

Se ranger, *vpr.* 1° Milahatra, milamina. 2° —, Mihataka, mitanila. 3° *fig.* Miandany, manaraka, momba. Il se rangea de son parti. *Niandany* taminy izy. Tous se rangèrent à son avis. *Niandany* tamy ny heviny, *nanaraka, nomba* ny heviny avokoa izy rehetra ireo. 4° —, Miova ho tsara. C'était un dissipateur, mais il s'est rangé. Mpandany izy io taloha, fa ankehitriny efa *niova ho tsara.*

RANIMER, *va.* 1° Mahavelona, mampahazo aina. Dieu seul peut — les morts. Andriamanitra irery hiany no *mahavelona* ny maty. Cette potion l'a ranimé. Izany fanafody fisotro izany no *nahazoany aina.* 2° *fig.* Mankahery fo indray, mamelona indray, mahavelombelona indray. Son discours ranima les troupes. Ny laha-teny nataony *nankahery fo indray* ny mpiantafika. — la conversation. *Mamelona*-dresaka *indray.* La joie a ranimé son teint. Ny hafaliana *nahavelombelona* endrika azy *indray.*

Se ranimer, *vpr.* 1° Velona indray, mahazo aina. 2° *fig.* Mihamahery fo indray, velona indray, velombelona indray.

RAPACE, *adj.* et *s.* 1° Lian-dremby. Oiseau —. Vorona *lian-dremby.* 2° *fig.* Manao mamba noana. Usurier —. Mpampanána vola *manao mamba noana.*

RAPACITÉ, *sf.* 1° Fahalianan-dremby. 2° *fig.* Fanaovana mamba noana.

RAPATRIEMENT, *sm.* 1° Fampihavanana indray, fihavanana —, fampifanarahana —, fifanarahana —. 2°—, Fampodiana amy ny tanin-drazana.

RAPATRIER, *va.* 1° Mampihavana indray, mampifanaraka indray. 2°—, Mampody amy ny tanin-drazana.

Se rapatrier, *vpr.* 1° Mihavana indray, mifanaraka indray. 2°—, Mody amy ny tanin-drazana.

RÂPE, *sf.* 1° Fanasana, fikikisana. Une — de fer-blanc. Vifotsy *fanasana,* etc. 2°—, Rarampy.

RÂPÉ, ÉE, *adj.* 1° Voasa, nasaina, voakiky, nokikisana. 2°—, Voatsofa tamy ny rarampy, notsofana —. 3° *fig.* Tonta, lany volo. Habit —. Akanjo *tonta,* etc.

RÂPER, *va,* 1° Manasa, mikiky. — du manioc. *Manasa,* etc., mangahazo. 2°—, Manatsofa amy ny rarampy. — du bois. *Manatsofa* hazo *amy ny rarampy.*

RAPETASSER, *va.* Manampintampina.

RAPETISSER, *va.* Manakely. — un manteau. *Manakely* kapaoty.

—, *vn.* Mihakely, mihafohy. Les jours rapetissent. *Mihafohy* ny andro.

Se rapetisser, *vpr.* 1° Mihakely. 2° *fig.* Manetry tena.

RAPIDE, *adj.* Mimaona, maria, miezaka, faingana, haingana, malaky. Cette rivière est très —. *Mimaona, maria, miezaka* loatra ity renirano ity. Cet enfant fait des progrès rapides. Mandroso *faingana, haingana, malaky* mandroso io zazalahy io.

—, *sm.* Rano maria. Il a été entraîné par un —. Nopaohin' ny *rano maria* izy.

RAPIDEMENT, *adv.* Mimaona, maria, miezaka, faingana, haingana, malaky.

RAPIDITÉ, *sf.* Fimaona, haria, fiezaka, hafainganana, halaky.

RAPIÉÇAGE, *sm.* Fanampenana.

RAPIÉCER, *va.* Manampina. — un habit. *Manampina* akanjo.

RAPIÉCETAGE, *sm.* Fanampintampenana.

RAPIÉCETER, *va.* Manampintampina.

RAPINE, *sf.* 1° Firembona, remby, fitohána, toha. Cet oiseau vit de —. Ny *remby,* ny *toha* no iveloman' io vorona io. Voy. PROIE. 2°—, Halatra, fihinanambahoaka, ranomasom-bahoaka. Il s'est enrichi par ses rapines. Nahazo harena tamy ny *halatra,* etc., izy.

RAPINER, *vn.* Maka an-kery, mangalatra, homam-bahoaka. Ce domestique rapine sur tout. *Mangala*-tety io mpanompo io.

—, *va.* Maka an-kery, etc.

RAPPAREILLER, *va.* Comme APPAREILLER.

RAPPARIER, *va.* Comme APPARIER.

RAPPEL, *sm.* 1° Fampiverenana. 2°—, Fiantsoana miaramila amy ny langorony. Battre le —. *Miantso ny miaramila amy ny langorony.*

RAPPELER, *va.* 1° Mampiverina. Ses affaires le rappellent à Paris. Ny raharahany no *mampiverina* azy any Parisy. Le gouvernement a rappelé l'ambassadeur. Ny fanjakana *nampiverina* ny ambasadaora. 2°—, Mampahatsiaro, mampahatsiahy. Cela me rappelle le temps passé. *Mampahatsiaro,* etc., ahy ny taona lasa izany.

Se rappeler, *vpr.* Mahatsiaro, mahatsiahy, mahatadidy.

RAPPORT, *sm.* 1° Vokatra, ny azo. La vigne est en plein —. Be dia be ny *vokatry* ny tanim-boaloboka. 2°—, Filazana, fitantarana, vavan' olona, tatibolana. Il fait un fidèle — de ce qu' il a vu. *Milaza, mitantara* marina izay hitany izy. Suivant le — des médecins. Araka ny *filazan'* ny dokotera. Il ne faut pas toujours ajouter foi aux rapports. Tsy tokony hinoana mandrakariva ny *vavan'olona,* ny *tati-bolana.* Il a fait un faux —. *Nitati-bolana* izy. 3°—, Fitoviana, fifandraidraika, fifanarahana, fombana, fifandraisana, firaisana, fikambanana. Il y a entre eux de grands rapports de caractère. *Mitovy, mifandraidraika* loatra ny toe-panahin' izy ireo. Le style n'est pas en — avec le sujet. Ny laha-teny tsy *mifanaraka* amy ny zavatra lazaina. Cela a — à ce que j'ai dit. *Momba* ny voalazako, *mifandray* amy ny voalazako izany. Je n' ai eu aucun — avec lui. Tsy *niray,* tsy *nikambana* velively taminy aho. 4°—, Famerenana, fitaomana, fametahana. Terres de —. Tany *notaomina.* Pièces de —. Zavatra *apetaka* amy ny hafa. 5°—, Rezatra. L'ail donne des rapports. *Mampandrezadrezatra* ny tongolo gasy.

Par rapport à, *loc. prép.* 1° Noho. Il a fait cela par — à vous. *Noho* hianao no nanaovany izany. 2°—, Raha oharina, aiza ho aiza. La terre est petite par — au soleil. Kely ny tany *raha oharina* amy ny masoandro. Qu' est-ce que

l'homme par — à Dieu? Inona ny olona *raha oharina* amin' Andriamanitra? Où se trouve Ambohimanga par — à Tananarive? *Aiza ho aizan'* Antananarivo Ambohimanga?

RAPPORTER, *va.* 1° Mitondra miverina, — mody, mamerina, mitondra, mitaona, mametaka. Il a rapporté chez lui les marchandises qu'il avait portées à la foire. *Nitondra niverina, — nody* ny varotra nentiny tany an-tsena izy. Rapportez-moi mon livre. *Avereno* aty amiko ny bokiko. Un fils qui a été avantagé par son père doit —. Ny zanaka nahazo tolo-bohitra tamin-drainy dia tsy maintsy *mamerina* aloha. Il a été à Madagascar et en a rapporté un caïman. Avy tany Madagaskara izy ka *nitondra* voay anankiray. — des terres pour élever une terrasse. *Mitaon*-tany hanotofana tokotany. 2°—, Manesotra, manafoana. — une loi. *Manesotra,* etc., lalàna anankiray. 3°—, Milaza, mitantara, mitati-bolana. Il rapportera tout ce qui s'est passé. *Hilaza, hitantara* ny zavatra rehetra izay niseho izy. Il rapporte tout. *Mitati-bolana* ny zavatra rehetra izy. 4°—, Manao ho. Le chrétien doit — toutes ses actions à Dieu. Ny kristiana tsy maintsy *hanao* ny zavatra rehetra *ho* an' Andriamanitra. On rapporte aux Romains la fondation de cette ville. Ny Romana no *ataon'* ny olona *ho* nanorina izany tanàna izany. 5°—, Mahavokatra, mamoa, mampahazo. Cette terre rapporte beaucoup. *Mahavokatra* diso vala izany tany izany. Cet arbre rapporte de beaux fruits. *Mamoa* mahafinaritra io hazo io. Cette charge lui a rapporté mille piastres. *Nahazoany* vola arivo izany raharaha izany.

Se rapporter, *vpr.* 1° Mitovy, mifandraidraika, mifanaraka, momba, mifandray. Ces couleurs se rapportent assez. *Mifanaraka* tsara hiany ireo loko ireo. Cette lettre se rapporte à ce que je vous ai déjà dit. *Mitovitovy, mifandraidraika, mifanaraka, mifandray* amin'izay efa voalazako taminao sahady, *momba* izay efa voalazako taminao sahady izany taratasy izany. 2°—, Manaiky, manaraka, mino, matoky. Ils sont demeurés d'accord de s'en — à la décision d'un arbitre. Nifanaiky izy ireo mba *hanaiky, hanaraka* ny tenin' ny elanelampanahy. Je m'en rapporte à vous. *Mino, matoky* anao aho.

RAPPORTEUR, EUSE, *s.* Olona manta vava, mpitati-bolana.

—, *sm.* et *adj.* Mpitantara ny momba ny ady na raharaha anankiray.

RAPPRENDRE, *va.* Mianatra indray.

RAPPROCHEMENT, *sm.* 1° Fampanatonana indray na kokoa, fanatonana —, fifanatonana, fampanakekezana indray na kokoa, fanakekezana—, fifanakekezana. 2° *fig.* Fampihavanana, fihavanana, fampifanarahana, fifanarahana, fampitahana.

RAPPROCHER, *va.* 1° Mampanatona indray na kokoa, mampanakaiky —. Rapprochez la table. *Ampanatony, ampanakekezo' kokoa* ny latabatra. 2° *fig.* Mampihavana, mampifanaraka, mampifanatona, mampitaha. — des personnes qui étaient brouillées. *Mampihavana, mampifanaraka* olona nifanao an-dolom-po. Le malheur rapproche les hommes. Ny fahoriana *mampifanatona* ny olona. Il sait — les idées les plus éloignées. Mahay *mampitaha* ny hevitra samihafa indrindra izy.

Se rapprocher, *vpr.* 1° Manatona indray na kokoa, manakaiky—, mifanatona, mifanakaiky. Rapprochez-vous, que je vous dise encore un mot. *Manatóna, manakekeza indray* aty, fa mbola misy teny kely holazaiko aminao. 2° *fig.* Mihavana, mifanaraka.

RAPT, *sm.* Fakana olona an-kery, fanaovana an-kery olona.

RÂPURE, *sf.* Kiky, tain-drarampy.

RAQUETTE, *sf.* 1° Fanipazam-baolina na katsomanta. 2°—, Raiketra.

RARE, *adj.* Tsy fahita matetika, kely, vitsy, mahalana, indraindray tadiavina, manify, mahagaga. Oiseau —. Vorona *tsy fahita matetika.* L'argent est —. *Kely* ny vola. Les amis fidèles sont rares. *Vitsy* ny sakaiza mahatoky. Vos visites sont rares. *Mahalana, indraindray tadiavina* ny famangianao. Il a la barbe —. *Manify* volom-bava izy. C'est un homme d'un — savoir. *Mahagaga* ny fahaizan' io lehilahy io. Homme —. Olona *mahagaga.*

RARÉFACTION, *sf.* Fampitomboana habe, fitomboana —, fampitarana, fitarana.

RARÉFIER, *va.* Mampitombo habe, mampitatra. La chaleur a raréfié l'air. Ny hafanàna *nampitombo habe,* etc., ny rivotra.

Se raréfier, *vpr.* Mitombo habe, mitatra.

RAREMENT, *adv.* Mahalana, indraindray tadiavina.

RARETÉ, *sf.* 1° Hakely, hakelezana, fahakelezana, havitsy, havitsiana, fahavitsiana. 2° —, Zavatra hita indraindray tadiavina, zavatra mahagaga. C'est une — que de vous voir. *Indraindray tadiavina* no mba ahitana anao. Il fait une collection de raretés. Manangona *zavatra mahagaga* izy.

RAS, RASE, *adj.* 1° Fohy volo, bory. Chien à poil —. Alika *fohy volo*. Il a la tête rase. *Bory* loha izy. Drap —. Lopótra *fohy volo*. 2° —, Lemaka. Rase campagne. Tany *lemaka*. 3° —, Safovava. Faites mesure rase. Ataovy *safovava* ny famarana.

—, *sm.* Fisafosafo. La barque est au — de l'eau. *Misafosafo* amy ny rano ny vava lakana.

Ras ou **Raz de marée,** *sm.* Fivongovongon' ny onjan-dranomasina, fisamboaravoaran' ny onjan-dranomasina.

RASADE, *sf.* Eran' ny gilasy feno tsara. Boire une —. Misotro *eran' ny gilasy feno tsara*.

RASER, *va.* 1° Manaratra. 2° *fig.* Mirefarefa, misafosafo, mandalo akaiky. L'hirondelle rase la terre. *Mirefarefa, misafosafo* amy ny tany ny sidintsidina. Une balle lui rasa le visage. Nisy bala anankiray *nandalo teo akaikin'* ny tarehiny. 3° —, Mamongotra. — une ville. *Mamongotra* tanána.

Se raser, *vpr.* Miharatra. Se faire —. *Mampanaratra* volom-bava.

RASIBUS, *prép.* Akaiky.

RASOIR, *sm.* Hareza, fiharatra. Pierre à —. Vaton-*hareza*. Cuir à —. Hoditra fanasan-*hareza*.

RASSASIANT, ANTE, *adj.* Mahavoky. Mets —. Nahandro *mahavoky*.

RASSASIÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Voky, novokisana. 2° *fig.* Afa-po, afa-diana, voky, boboka. Il est — de plaisirs. *Boboky* ny fifalian' izao fiainana izao izy.

RASSASIEMENT, *sm.* 1° Havoky, fahavokisana. 2° *fig.* Fahabobohana.

RASSASIER, *va.* 1° Mahavoky, mamoky. On ne peut — cet enfant. Tsy mety *voky* io zazalahy io. 2° *fig.* Mahafapo, mahafa-diana, mahavoky, mahaboboka. Je ne pouvais — mes yeux d'un si beau spectacle. Tsy nety *afa-po, afa-diana, voky* tamy ny fijerena izany zavatra mahafinaritra izany ny masoko.

Se rassasier, *vpr.* 1° Mivoky. 2° —, Miala fo, — liana, voky, boboka.

RASSEMBLEMENT, *sm.* Famoriana, fivoriana, fanangonana, fanakambanana. Il se fit un —. Nisy olona maro *nivory* tao.

RASSEMBLER, *va.* Mamory, manangona, manakambana. Il a rassemblé quantité de tableaux. *Namory, nanangona* sary betsaka izy. — des troupes. *Mamory, manangona* miaramila. Rassemblez vos livres. *Angony, akambano* ny bokinao.

Se rassembler, *vpr.* Mivory, miangona. Les soldats dispersés se rassemblèrent autour du drapeau. Ny miaramila nihahaka dia *nivory, niangona* nanodidina ny saina.

RASSEOIR, *va.* 1° Mampipetraka indray, mametraka indray, mampitombina indray. — un enfant. *Mampipetraka, mampitombina* zaza kely *indray*. — une statue sur sa base. *Mametraka* sariolona *indray* amy ny fitoerany. 2° *fig.* Mampitombina. Donnez-lui le temps de — son esprit. Avelao aloha *hitombina* ny sainy.

Se rasseoir, *vpr.* 1° Mipetraka indray, mitombina indray. Rasseyez-vous. *Mipetraha, mitombena* indray hianao. 2° *fig.* Mitombina.

RASSÉRÉNER, *va.* 1° Mampihiratra, mampisokatra. 2° *fig.* Mampahamiramirana, mampihiratra.

Se rasséréner, *vpr.* 1° Mihiratra, misokatra. Le temps s'est rasséréné. *Nihiratra, nisokatra* ny andro. 2° *fig.* Mihamiramirana, mihiratra. Son visage s'est rasséréné. *Nihamiramirana, nihiratra* ny tarehiny.

RASSIS, ISE, *p.* et *adj.* 1° Napetraka indray, mipetraka —, natombina —, mitombina —, mafy. Pain —. Mofo *mafy*. 2° *fig.* Natombina, mitombina. Il n'a pas encore l'esprit —. Tsy mbola *mitombina* ny sainy, mbola tanora fanahy izy.

RASSURANT, ANTE, *adj.* Mampatoky, mahafaka ahiahy. Nouvelle rassurante. Zava-baovao *mampatoky*, etc.

RASSURER, *va.* 1° Manamafy. — un mur. *Manamafy* rindrina. 2° *fig.* Mampatoky, manala ahiahy, — tahotra. Le capitaine rassura les soldats. Ny kapiteny *nampatoky*, etc., ny miaramila.

Se rassurer, *vpr.* Matoky, afaka ahiahy, afa-tahotra.

RAT, *sm.* Voalavo. — d'eau. *Voalavon-drano.*
RATAFIA, *sm.* Karazan-dalikera.
RATATINÉ, ÉE, *adj.* Mikainkona, miketrona, mifendrotra, mitokiky. Fruit —. Voankazo *miketrona, mifendrotra.* Vieillard—. Lahiantitra *mitokiky* kely.
RATATINER (SE), *vpr.* Mikainkona, miketrona, mifendrotra, mitokiky. La peau se ratatine au feu. *Mikainkona, miketrona* ny hoditra raha azon'ny afo.
RATATOUILLE, *sf.* Nahandro ratsy.
RATE, *sf.* 1° Ary. 2° *fig.* Ne pas se fouler la —. Mitsirambindrambina amy ny fanaovan-draharaha. Désopiler la —. Mampihomehy.
RATÉ, ÉE, *adj.* Tsy voa.
RÂTEAU, *sm.* Fihogon-tany, fihogo hazo fanangonam-bilona.
RÂTELÉE, *sf.* Indray mifaoka amy ny fihogon-tany, indray manangona amy ny fihogo hazo.
RÂTELER, *va.* Mifaoka amy ny fihogon-tany, manangona amy ny fihogo hazo.
RÂTELIER, *sm.* 1° Makarakara hazo fihinanam-bilona. 2°—, Ny nify ambony sy ambany. Il a un bon—. Tsara *nify* izy.
RATER, *vn.* Maty afo, — fahana. Le fusil a raté. *Maty afo,* etc., ny basy.
—, *va.* 1° Tsy mahavoa. Il a raté la perdrix. *Tsy nahavoa* ny tsipoy izy. 2° *fig.* Tsy mahavoa, tsy mahazo. Il a raté cette affaire. *Tsy nahavoa, tsy nahazo* izany raharaha izany izy.
RATIÈRE, *sf.* Tontam-boalavo.
RATIFICATION, *sf.* Fankatoavana.
RATIFIER, *va.* Mankató. — un traité. *Mankató* fanekem-pihavanana.
RATION, *sf.* Anjara hanina isan'andro.
RATIONALISME, *sm.* Fampianaran izay tsy mino afa-tsy ny tratry ny saina.
RATIONALISTE, *sm.* Olona tsy mino afa-tsy izay tratry ny saina.
RATIONNEL, ELLE, *adj.* Voafotopototra tsara. Cette méthode d'enseignement est rationnelle. *Voafotopototra tsara* izany fomba fampianarana izany.
RATIONNER, *va.* Mitantana ny anjara hanina isan'andro, mandanja hanina. Pendant le siège on rationnait les habitants. Nandritra ny fahirano dia *nolanjaina ny hanina* nomena ny mponina.
RATISSAGE, *sm.* Fikikisana, fanihisana, fikaohana, fisorohana.
RATISSER, *va.* Mikiky, manihy, mikaoka, misoroka. Voy. Racler.
RATISSOIRE, *sf.* Fikikisana, fanihisana, fikaohana, fisorohana.
RATISSURE, *sf.* Kiky, hihy, kaoka.
RATON, *sm.* 1° Voalavo kely. 2°—, Sombin'aina.
RATTACHER, *va.* 1° Mamatotra indray, mamehy indray. Voy. Attacher. 2° *fig.* Manakambana. — une affaire à une autre. *Manakambana* raharaha anankiray amy ny raharaha hafa.
Se rattacher, *vpr.* 1° Mifatotra. 2° *fig.* Mitandray, mikambana, mikambana indray, miraiki-po indray.
RATTEINDRE, *va.* Mahatratra indray, mahatratra.
RATTRAPER, *va.* 1° Misambotra indray, mahatratra. On a rattrapé ce prisonnier. Efa *nosamborina indray* ilay tao an-tranomaizina. Marchez, je vous rattraperai. Mandehana hiany, fa ho *tratrako* hianao. 2°—, Mahazo indray, mahavoa—. Il a rattrapé son argent. *Azony* biany *indray* ny volany. On ne m'y rattrapera plus. Tsy bety ho *voa* amin' izany intsony aho.
Se rattraper, *vpr.* Azo indray, voa—.
RATURE, *sf.* Soratra novonoina. Sa lettre est pleine de ratures. Be *soratra novonoina* ny taratasy nampitondrainy.
RATURER, *va.* Mamono soratra.
RAUCITÉ, *sf.* Hafarim-peo, figadragadra.
RAUQUE, *adj.* Farimparina, migadragadra, barabara. Il a la voix—. *Migadragadra, barabara* feo izy.
RAVAGE, *sm.* Fandravana, fanimbana, fandripahana, fandringanana. Les ennemis font de grands ravages dans la campagne. Ny fahavalo *mandrava* izaitsizy ny any ambanivohitra. La grêle a fait bien du — dans les vignes. Ny havandra *nanimba* izaitsizy ny tanim-boaloboka. La petite-vérole a fait de grands ravages. Ny nendra *nandripaka, nandringana* ny vahoaka.
RAVAGER, *va.* Mandrava, manimba, mandripaka, mandringana.
RAVAGEUR, *sm.* Mpandrava, mpanimba.
RAVALER, *va.* 1° Mitelina indray. — sa salive. *Mitelin*-drora *indray.* 2° *fig.* Manazimba, manatsizarizary. — le mérite des autres. *Manazimba* ny fahamendrehan' ny sasany. — quelqu'un. *Manazimbazimba,* etc., olona.

Se ravaler, *vpr*. Manavasin-tena, mivazina.

RAVAUDAGE, *sm*. 1° Fanjairana fitafiana rovitra. 2°—, Zavatra ataotao foana.

RAVAUDER, *va*. et *n*. Manjaitra fitafiana rovitra. — des bas. *Manjaitra ba rovitra*.

RAVAUDEUR, EUSE, *s*. Mpanjaitra fitafiana rovitra.

RAVE, *sf*. Karazan'anana mamody.

RAVI, IE, *p*. et *adj*. 1° Nalaina an-kery, nanaovana an'aina, nosavihina, nosarihana, nofaohina, nopaohina. 2° *fig*. Talanjona, variana, renoka, revo, ravoravo. Il fut — en extase. *Variana, renoka* am-panahy izy tamin' izay. Il est — de joie. *Revon*-kafaliana izy. Je suis — de vous voir. *Ravoravo* aho mahita anao.

RAVIGOTER, *va*. Mampahazo aina.

RAVILIR, *va*. Manatsizarizary. Il ne faut pas — votre dignité. Tsy tokony *hotsizarizarina* ny fiandriananao.

Se ravilir, *vpr*. Mivazina, manavazintena.

RAVIN, *sm*. Hady nohazan' ny riaka.

RAVINE, *sf*. 1° Riaka. 2°—, Hady nohazan' ny riaka.

RAVIR, *va*. 1° Maka an-kery, manao an'aina, misavika, misarika, mifaoka, mipaoka. — une femme. *Maka* vehivavy *an-kery, manao an'aina, misavika* vehivavy. — un enfant à sa mère. *Misarika* zaza kely eo am-pofoan-dreniny. Le milan ravit sa proie. Ny papango *nifaoka, nipaoka* ny rembiny. 2° *fig*. Mahatalanjona, mahavariana, maharenoka, maharavoravo. Ce prédicateur a ravi tout son auditoire. *Nahatalanjona* an' izay rehetra nihaino azy io mpitory teny io.

A ravir, *loc. adv*. Mahagaga. Elle chante à —. Mahay mihira *mahagaga* izy.

RAVISER (SE), *vpr*. Miova hevitra.

RAVISSANT, ANTE, *adj*. 1° Maka an-kery, etc. 2° *fig*. Mahatalanjona, etc.

RAVISSEMENT, *sm*. 1° Fakana ankery, fanaovana an'aina, fisavihana, fisarihana, fifaohana, fipaohana. 2° *fig*. Hatalanjonana, havarianana, harenohana, haravoravoana.

RAVISSEUR, *sm*. Mpaka an-kery, mpanao an'aina, mpisavika, mpisarika.

RAVITAILLEMENT, *sm*. Fanaterana hanina sy fiadiana.

RAVITAILLER, *va*. Manatitra hanina sy fiadiana. — une armée. *Manatitra hanina sy fiadiana* ho any ny tafika.

RAVIVER, *va*. 1° Mamelombelona, mampahazo aina. Ravivez le feu. *Velombelomy* ny afo. Ce vin ravive les esprits. *Mampahazo aina* izany divay izany. 2°—, Mampihiratra. — un tableau. *Mampihiratra* sary mihoso-doko.

Se raviver, *vpr*. Velombelona, mahazoazo aina.

RAVOIR, *va*. Mahazo indray. Il plaide pour — son bien. Miady mba *hahazo* ny fananany *indray* izy.

RAYÉ, ÉE, *p*. et *adj*. 1° Voatsipika, notsipihina, mitsipika, misy tsipika, voasoritra, nosoritana, misoritsoritra, misoratsoratra, miolana aty. Papier—. Taratasy *voatsipika, notsipihina, mitsipika, misy tsipika*. Étoffe rayée. Lamba *misoratsoratra*. Voy. RAIE. Canon—. Tafondro *miolana aty*. 2°—, Voavono, novonoina, maty.

RAYER, *va*. 1° Mitsipika, manoritra. — du papier. *Mitsipika* taratasy. Prenez garde de — la vaisselle. Tandremo sao *manoritsoritra* ny lovia. 2°—, Mamono, mamono anarana. Rayez ce mot. *Vonoy* io teny io. Rayez-le de la liste. *Vonoy* ny *anarany* ao amy ny rejistra.

RAYON, *sm*. 1° Tsirim-pahazavana, tana-masoandro, hainandro. Ce bois est impénétrable aux rayons du soleil. Tsy tanteraky ny *tsiri-masoandro*, etc., io ala io. 2°—, Tanan-kodiarana. 3°—, Talantalana. Ce livre est au troisième—. Ao amy ny *talantalana* fahatelo izany boky izany. 4°—, Tohotra. Goûtez de ce — de miel. Andramo kely io *toho*-tantely io.

RAYONNANT, ANTE, *adj*. 1° Manjelajelatra, mamirapiratra. mitatra. Moïse parut le visage tout—. Moizy niseho tamy ny tarehy *mamirapiratra*. 2° *fig*. Miramirana.

RAYONNEMENT, *sm*. 1° Fanjelajelatra, famirapiratra, fitatra. Le — des étoiles. Ny *fanjelajelatra*, ny *famirapiratry* ny kintana. Le — du calorique. Ny *fitatry* ny hafanana. 2° *fig*. Hamiramiranana.

RAYONNER, *vn*. 1° Manjelajelatra, mamirapiratra, mitatra. Le soleil commençait à — sur la cime des montagnes. *Nitatra* sahady ny hainandro eny an-

tampon' ny tendrombohitra. 2° *fig.* Miramirana. Son visage rayonne de joie. *Miramirana* azon' ny hafaliana ny tarehiny.

RAYURE, *sf.* 1° Fisoratsoratra. La — de cette étoffe est fort agréable. Mahafinaritra loatra ny *fisoratsoratr'* io lamba io. 2° —, Fiolana aty. La — d'un fusil. Ny *fiolan'* ny *aty* basy.

RAZ, *sm.* Voy. Ras.

RAZZIA, *sf.* Fandrobana. Les Sakalaves ont fait des razzias dans l'ouest. *Nandroba* tany andrefana ny Sakalava.

RÉACTIF, IVE, *adj.* Manohitra, miboby.

—, *sm.* Zavatra entina itsapana fombanjavatra.

RÉACTION, *sf.* 1° Fanohitra, fiboby. 2° *fig.* Faneherana, fibohizana. Il faut, dans un État, craindre les réactions des partis. Tokony hatahorana sao *manohitra, miboby* ny andaniny sasany ao amy ny fanjakana.

RÉACTIONNAIRE, *adj.* et *s.* Mpanohitra ny fombam-panjakana vaovao.

RÉAGIR, *vn.* Manohitra, miboby. Un ressort réagit sur la main qui le presse. *Manohitra, miboby* ny vimiaina raha tsindrian-tánana.

RÉALISABLE, *adj.* Azo tanterahina.

RÉALISATION, *sf.* Fanatanterahana.

RÉALISER, *va.* Manatanteraka.

Se réaliser, *vpr.* Tanteraka. Vos vœux se réalisent. *Tanteraka* ny fanirianao.

RÉALITÉ, *sf.* Fisiana tokoa, ny tena izy. Ce n'est pas une fiction, c'est une —. Tsy hevi-dravina izany, fa *tena izy.* Voy. Réel.

En réalité, *loc. adv.* Tokoa.

RÉAPPARITION, *sf.* Fisehoana indray. La — d'une comète. Ny *fisehoan'* ny kometa *indray.*

RÉAPPEL, *sm.* Fiantsoana anarana indray.

RÉAPPELER, *va.* Miantso anarana indray.

RÉAPPOSER, *va.* Manisy indray. — des scellés. *Manisy* kasem-panjakana *indray.*

RÉAPPOSITION, *sf.* Fanisiana indray.

RÉARMEMENT, *sm.* Fanomezampiadiana indray, fanomanana indray.

RÉARMER, *va.* Manome fiadiana indray, manomana indray. Voy. Armer.

RÉASSIGNATION, *sf.* Fiantsoana olona indray hotsaraina.

RÉASSIGNER, *va.* Mampaka olona indray hotsaraina. Voy. Assigner.

RÉATTELER, *va.* Mamatotra soavaly indray amy ny kalesy.

REBAISSER, *va.* Mampidina indray.

REBAPTISER, *va.* Manao batemy indray.

RÉBARBATIF, IVE, *adj.* Kitokitoina. Il a un air —. Mitarehin' olona *kitokitoina* izy.

REBÂTIR, *va.* Manorina indray, manao —, mandrafitra —.

Se rebâtir, *vpr.* Aorina indray, atao —, arafitra —.

REBATTRE, *va.* 1° Mikapoka indray, mamely —, mamono —, mively —, mitavoka —. Voy. Battre. 2° *fig.* Mamerimberina. — sans cesse les mêmes choses. *Mamerimberina* matetika zavatra sasany.

Se rebattre, *vpr.* Mifampikapoka indray, mifamely —, mifamono —.

REBELLE, *adj.* 1° Mikomy, miodina, tsy mety manaiky, manohitra. — au roi. *Mikomy, miodina* amy ny mpanjaka. Il est — aux volontés de son père. *Tsy mety manaiky, manohitra* ny sitrapon-drainy izy. 2° —, Sarotra sitranina. Maladie —. Aretina *sarotra sitranina.*

—, *s.* Mpikomy, mpiodina.

RÉBELLION, *sf.* Fikomiana, fiodinana, tsy fanekena, fanoherana.

REBÉNIR, *va.* Mitso-drano indray.

REBIFFER (SE), *vpr.* Manohitra, tsy mety manaiky.

REBLANCHIR, *va.* Mamotsy indray, manoso-doko fotsy —, manasa —.

REBOISEMENT, *sm.* Fambolena ala indray.

REBOISER, *va.* Mamboly ala indray.

REBONDI, IE, *adj.* Be, botabota. Il a des joues rebondies. *Be, botabota* takolaka izy.

REBONDIR, *vn.* Miantsambotra, mievotra, misavoana. Une balle qui rebondit. Baolina *miantsambotra,* etc.

REBONDISSEMENT, *sm.* Fiantsambotra, fievotra, fisavoana.

REBORD, *sm.* Molotra. Le — d'une table. Ny *molo*-databatra. Le — d'un manteau. Ny *molo*-kapaoty.

REBORDER, *va.* Manisy molo-javatra

indray. — une robe. *Manisy molo*-jipo *indray*. Voy. Border.

REBOTTER (SE), *vpr.* Mampiditra baoty indray.

REBOUCHER, *va.* Manentsina indray, manampina indray. Voy. Boucher.

Se reboucher, *vpr.* Tsontsina indray, tampina indray. Le trou s'est rebouché. *Tsentsina*, etc., *indray* ny loaka.

REBOUILLIR, *vn.* Mangotraka indray, mandevy indray. Voy. Bouillir.

REBOURS, *sm.* 1° Volon-javatra mifohafoha, zavatra mifotitra. 2° *fig.* Zavatra mifanohitra. Il dit le — de ce qu'il pense. Milaza *zavatra mifanohitra* amin' izay hoveriny izy.

À rebours, au rebours, *loc. adv.* 1° Mifohafoha, mifotitra. Épousseter du drap à —. *Mamohafoha* volon-dopótra amy ny fanaborosiana azy. Lire à —. Mamaky boky *mifotitra*. 2° *fig.* Mifanohitra.

REBOUTEUR, EUSE, *s.* Mpanao ody folaka.

REBOUTONNER, *va.* Mampidi-bokotra indray.

REBRIDER, *va.* Manisy lamboridy indray.

REBROCHER, *va.* Manjaitra boky indray.

REBRODER, *va.* Manao amboridao indray, manao amboradara indray.

REBROUSSER, *va.* 1° Mamohafoha. — les cheveux. *Mamohafoha* volo. 2° *fig.* — chemin. Miverina ilalana.

—, *vn.* Miorika. Les rivières rebrousseront vers leur source. *Hiorika* ny renirano.

À rebrousse-poil, *loc. adv.* 1° Mifohafoha. Voy. A rebours. 2° *fig.* Mifanohitra. Prendre une affaire à —. Manao zavatra *mifanohitra* amin' izay mety hahatanterahana raharaha.

REBUFFADE, *sf.* Fanifakifahana. Il a reçu une —. *Nakifakifaka* izy.

RÉBUS, *sm.* Ankaman'atra.

REBUT, *sm.* 1° Fanifakifahana. Il a essuyé mille rebuts. *Nakifakifa* imbetsaka izy. 2°—, Zavatra tsinontsinona, faika, tsaika, fako. Marchandises de —. Varotra *tsinontsinona*. C'est le — du genre humain. *Faikan'* olona, *tsaikan'* olona, *fakon'* olona izy.

REBUTANT, ANTE, *adj.* 1° Kitokitoina. Homme —. Lehilahy *kitokitoina*. 2°—, Mahaketraka, mahakivy.

REBUTER, *va.* 1° Manifakifaka. Il voulait entrer, mais on le rebuta à la porte. Nitady hiditra izy, fa *nakifakifaka* nony mby tao am-baravarana. 2°—, Mahaketraka, mahakivy. Le grand travail le rebute. Ny asa mafy *mahaketraka*, etc., azy.

Se rebuter, *vpr.* Ketraka, kivy.

RECACHETER, *va.* Manisy kase indray, mandoko taratasy indray. Voy. Cacheter

RÉCALCITRANT, ANTE, *adj.* et *s.* Be ditra, be kiry.

RÉCALCITRER, *vn.* Manao savoambody. Ce cheval ne fait que —. *Manao savoam-body* lava io soavaly io.

RÉCAPITULATION, *sf.* Filazana fohifohy indray.

RÉCAPITULER, *va.* Milaza fohifohy indray. — une affaire. *Milaza fohifohy indray* ny raharaha anankiray.

RECARDER, *va.* Mameravera indray, mamohavoha —, manatsikerakera —.

RECASSER, *va.* Mamaky indray, manapaka indray.

RECÉDER, *va.* Mahafoy indray, mivarotra. Voy. Céder.

RECEL, *sm.* Fanafenan-kalatra.

RECÈLEMENT, *sm.* Fanafenan-kalatra na olo-meloka.

RECÉLER, *va.* 1° Manafina. — des objets volés *Manafin*-kalatra. — un voleur. *Manafina* mpangalatra. 2° *fig.* Misy zavatra miafina. La terre recèle des trésors dans son sein. *Misy harena miafina* ao anatin' ny tany.

RECÉLEUR, EUSE, *s.* Mpanafin-kalatra.

RÉCEMMENT, *adv.* Vao, vao haingana, tatohoato. Il est — arrivé. *Vao* tonga, tonga *vao haingana*, etc., izy.

RECENSEMENT, *sm.* Fanisana. Faire le — de la population. *Manisa* ny mponina.

RECENSER, *va.* Manisa.

RÉCENT, ENTE, *adj.* Vao, vao natao. Découverte récente. Zavatra *vao* hita. Plaie récente. Fery *vao*. Écriture récente Soratra *vao natao*.

RÉCÉPISSÉ, *sm.* Taratasy filazan-javatra voaray.

RÉCEPTACLE, *sm.* 1° Fivorian' ny zavatra maloto. C'est le — de toutes les ordures de la ville. Eo no *fivorian' ny zavatra maloto* rehetra avy ao an-tanàna. 2° *fig.* Cette maison est le — des vo-

leurs. Tranon'androvo, trano fandriandompy io trano io.

RÉCEPTION, *sf.* Fandraisana. Accusez-moi — de ma lettre. Ampandreneso aho raha *voarainao* ny taratasy nampitondraiko. On lui a fait une bonne —. Efa *noraisina* tsara izy.

RECERCLER, *va.* Manisy fehim-barika indray.

RECETTE, *sf.* 1° Ny miditra, ny azo. La dépense excède la —. Ny lany mihoatra ny *miditra*, ny *azo*. 2°—, Fandraisana. Faire la — des impôts. *Mandraỳ* hetra. 3°—, Fomba fanaovana. Il m'a donné une bonne — pour la fièvre. Nanoro ahy ny *fomba fanaovana* ody tazo tsara izy. Voici une — pour faire de l'encre. Izao no *fomba fanaovana* ranomainty.

RECEVABLE, *adj.* Azo raisina, azo ekena.

RECEVEUR, EUSE, *s.* Mpandray. — des contributions. *Mpandray* hetra.

RECEVOIR, *va.* 1° Mandray, mahazo, mananty. — un présent. *Mandray* fanatitra. — son traitement. *Mandray* karama. — un ami. *Mandray* sakaiza. — des grâces de Dieu. *Mandray, mahazo* fahasoavana amin'Andriamanitra. Il a reçu des ordres. *Nahazo* didy izy. L'escalier reçoit le jour par en haut. *Mahazo* fahazavana avy any ambony ny tohatra. Il a reçu une bonne éducation. *Nahazo* fampianarana tsara izy. Il a reçu le baptême. Efa *nandray, nahazo* batemy izy. Recevez la balle dans la main. *Raiso, tantazo* tánana ny baolina. Une barrique reçoit l'eau du toit. Misy barika *mananty* ny rano avy amy ny tafon-trano. 2° —, Omby, azo asiana, asiana, voa, participe. Ce port reçoit bien des vaisseaux. *Omby* sambo maro izany seranana izany. La cire reçoit toutes les formes. *Azo asiana* ny tarehin-javatra samihafa ny savoka. Il a reçu un soufflet. *Nasiana, voa* tahamaina izy. Il a reçu une balle dans la cuisse. *Voan'* ny bala tao amy ny feny izy. Il reçut la mort sur le champ de bataille. *Maty* tany an'ady izy. J'ai reçu sa visite. Efa *novangiany* aho. Il a reçu un affront. *Nalam-baráka* izy. 3°—, Manaiky. Il a reçu la décision avec respect. *Nekeny* tamim-panajana ny didy natao taminy.

—, *vn.* Mandray olona. Le ministre reçoit aujourd'hui. *Mandray olona* anio ny ministra.

RECHANGE, *sm.* Zavatra ampifandiasina, — asolo. Il n'a pas même un habit de —. Tsy manana akanjo *ampifandiasina* na dia iray aza izy. Une roue de —. Kodiarana *hásolo* ny simba.

RÉCHAPPER, *vn.* Afaka.

RECHARGEMENT, *sm.* Fanisiana entana indray.

RECHARGER, *va.* 1° Manisy entana indray. Rechargez les mulets. *Asio entana indray* ny ramole. 2°—, Mamaham-basy indray na tafondro.

Se recharger, *vpr.* Maka entana indray.

RECHASSER, *va.* Mandroaka indray.

—, *vn.* Mihaza indray, mitifitra indray.

RÉCHAUD, *sm.* Fatam-by kely.

RÉCHAUFFAGE, *sm.* Famanána.

RÉCHAUFFÉ, *sm.* Nahandro nafanaina, fanan-kena.

RÉCHAUFFER, *va.* 1° Mamána, manafána. — un mets. *Mamána* laoka. — son enfant sur son sein. *Manafána* ny zanany ao an-trotroany. 2° *fig.* Manafána ny fo. Cette nouvelle les a réchauffés. *Nanafána ny fony* izany zavabaovao izany.

Se réchauffer, *vpr.* 1° Mihamafána. 2° *fig.* Mihamafána.

RÉCHAUFFOIR, *sm.* Fatam-by famanan-daoka.

RECHAUSSER, *va.* 1° Mampikiraro indray. 2°—, Manototra indray. — un arbre. *Manototra* foto-kazo indray.

Se rechausser, *vpr.* Mampiditra kiraro indray.

RECHERCHE, *sf.* 1° Fitadiavana, fikatsahana, fikarohana, fisavana, fanaovana savahao. On est à la — du meurtrier. *Katsahina, karohina, tadiavina, atao savahao* ny mpamono olona. 2°—, Fiangolangola, fiangentsana, fiangeso, fihagohago, fihaitraitra.

RECHERCHÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Notadiavina, nokatsahina, nokarohina, nosavana, natao savahao, tsy fahita matetika. Gravure recherchée. Sary *tsy fahita matetika.* 2° —, Miangolangola, miangentsana, miangeso, mihagohago, mihaitraitra. Elle est recherchée dans sa parure. *Miangolangola,* etc., amy ny haingo izy. Il a une pose recherchée. *Mihagohago* toetra izy.

RECHERCHER, *va.* 1° Mitady, mikatsa-

ka, mikaroka, misava, manao savahao, mila. Il a recherché tous les écrits de cette époque. *Nitady, nikatsaka, nikaroka* ny taratasy rehetra voasoratra tamin' izay izy. — la faveur du prince. *Mitady, mila* sitraka amy ny mpanjaka. 2° —, Te-hifankabalala, te-hifankahay. Tout le monde le recherche. *Te-hifankahalala*, etc., aminy avokoa ny olona. Voy. CHERCHER.

Se rechercher, *vpr*. Te-hifankahalala, te-hifankahay.

RECHIGNÉ, ÉE, *adj*. Sosotsosotra. Un visage —. Tarehy *sosotsosotra*.

RECHIGNER, *vn*. Sosotra. Obéissez sans —. Maneké tsy amim-*pahasosorana*.

RECHUTE, *sf*. 1° Fibetsehan' ny aretina. 2° —, Fanotana indray.

RÉCIDIVE, *sf*. Fanotana indray, fanaovana heloka indray.

RÉCIDIVER, *vn*. Manota indray, manao heloka indray.

RÉCIDIVISTE, *s*. Mpanota indray, mpanao heloka indray.

RÉCIF ou **RESCIF**, *sm*. Haran-dranomasina.

RÉCIPIENDAIRE, *sm*. Olona raisina amim-boninahitra ho isan' ny fikambanana anankiray.

RÉCIPIENT, *sm*. Fanantazana.

RÉCIPROCITÉ, *sf*. Fifamaliana.

RÉCIPROQUE, *adj*. 1° Mifamaly, mifan..., mifanka..., mifampi.... Voy. MUTUEL. 2° —, Milaza olona na zavatra maro mifanao ny zavatra lazain' ny verba. Verbe —. Verba *milaza olona na zavatra maro mifanao ny zavatra lazain' ny verba*.

RÉCIPROQUEMENT, *adv*. Mifan..., mifanka..., mifampi....

RÉCIT, *sm*. Filaza, filazana, tantara. Abrégez votre —. Hafohezo ny *filazanao*. Faites-nous le — de ce que vous avez vu. *Lazao, tantarao* aminay izay efa hitanao.

RÉCITATION, *sf*. Filazana tsy anjery.

RÉCITER, *va*. Milaza tsy anjery. Récitez votre leçon. *Lazao tsy anjery* ny lesonao.

RÉCLAMANT, ANTE, *s*. Mpitaraina, mpanohitra, mpaka, mpitaky, mpanaraka.

RÉCLAMATION, *sf*. Fitarainana, fanoherana, fakána. fitakiana, fanarahana. Cette loi excita beaucoup de réclamations. Maro no *nitaraina* noho, *nanohitra* izany lalána izany. Il y a six mois que nous sommes en —. Efa misy enimbolana izay no *nitarainanay* izany, *nitakianay* izany vola izany.

RÉCLAME, *sf*. Filazam-barotra amy ny gazety.

RÉCLAMER, *va*. Mangataka, mihanta, maka, mitaky, manaraka. Je réclame votre assistance. *Mangataka, mihanta* vonjy aminao aho Je viens — les livres que je vous ai prêtés. Avy *haka* ny boky nampindramiko anao aho. — une dette. *Mitaky* trosa. — un héritage. *Manara*-dova.

—, *vn*. Mitaraina, manohitra. Y a-t-il quelqu'un qui réclame? Moa misy olona *mitaraina* noho izany, *manohitra* izany?

RECLOUER, *va*. Mamantsika indray.

RECLURE, *va*. Mampihiboka, mampifahy. — un pénitent. *Mampihiboka*, etc., mpivalo.

Se reclure, *vpr*. Mihiboka, mifahy, mirindrin-trano.

RECLUS, USE, *adj*. et *s*. Mihiboka, mifahy, mirindrin-trano.

RECLUSION ou **RÉCLUSION**, *sf*. 1° Fihiboka, fifahy, firindrin-trano. 2° —, Fampihibohana ao an-tranomaizina. Il a été condamné à la —. Voaheloka *hahiboka ao an tranomaizina* izy.

RÉCLUSIONNAIRE, *adj*. Mpihiboka ao an-tranomaizina.

RECOGNER, *va*. Mively indray.

Se recogner, *vpr*. Midona indray.

RECOIFFER, *va*. Mampisatroka indray, manao volo indray.

Se recoiffer, *vpr*. Misatroka indray, atao volo indray.

RECOIN, *sm*. 1° Zoro. On a cherché dans tous les recoins de la maison. Efa nokarohina avokoa tao amy ny *zorontrano* rehetra. 2° *fig*. Ny miafina indrindra. Dieu sonde les recoins de la conscience. Mandinika *ny miafina indrindra* ao am-po Andriamanitra.

RECOLLER, *va*. Mandoko indray, mametaka indray.

Se recoller, *vpr*. Mipetaka indray.

RÉCOLTE, *sf*. 1° Fijinjana, fiotazana, fahavokarana. Nous irons vous voir après la — du riz. Hamangy anao izahay rahefa *voajinja* ny vary. C'est le moment de la — des pommes. Izao no fotoana

*fiotazana, fahavokaran'*ny paoma. 2° —, Vokatra. La — est abondante. Diso vala ny *vokatra*. 3° *fig*. Famoriana, fanangonana. Il a fait une abondante — d'objets curieux. *Namory, nanangona* zava-mahagaga maro izy.

RÉCOLTER, *va*. Mijinja, mioty, mahavokatra. Il a récolté beaucoup de blé. *Nahavokatra* varim-bazaha betsaka izy.

Se récolter, *vpr*. Jinjána, otazana.

RECOMMANDABLE, *adj*. Mendrika hatao ho zavatra. Comme ESTIMABLE.

RECOMMANDATION, *sf*. 1° Fangatahana fiarovana ho an' olona. On ne peut rien refuser à sa —. Tsy misy zavatra azo lavina raha izy no *mangataka fiarovana ho an' olona*. 2° —, Famporisihana.

RECOMMANDER, *va*. 1° Mangataka fiarovana ho an' olona. Je l'ai recommandé au roi. *Nangataka fiarovana ho azy* tamy ny mpanjaka aho. 2° —, Mamporisika. Je lui ai recommandé d'être sage. *Namporisika* azy mba ho hendry aho. Recommandez mon père aux prières des fidèles. *Amporisiho* ny kristiana mba hivavaka ho an'ikaky. 3° —, Mahamendrika hatao ho zavatra.

Se recommander, *vpr*. 1° Mangatabonjy, mangataka fiarovana. 2° —, Mendrika hatao ho zavatra.

RECOMMENCER, *va*. Manomboka indray, mamerimberina. — un discours. *Manomboka* laha-teny *indray*. Il ne profite d'aucun avis, avec lui c'est toujours à —. Tsy misy mby an-tsainy ny anatra atao aminy, ka tsy maintsy *haverimberina* mandrakariva.

—, *vn*. Manomboka indray. La pluie recommence. *Manomboka indray* ny orana.

RÉCOMPENSE, *sf*. Valisoa, valy, famaizana. Il mérite une —. Mendrika homem-*balisoa* izy. Ce méchant homme a eu la — qu'il méritait. *Novaliana, nofaizina* araka ny mety io lehilahy ratsy fanahy io.

En récompense, *loc. adv*. Ho valy.

RÉCOMPENSER, *va*. Mamaly soa, mamaly. Il y a un Dieu qui récompense et qui punit. Misy Andriamanitra anankiray izay *mamaly* soa sy mamay ny olona, izay *mamaly* ny olona araka ny ataony avy.

RECOMPOSER, *va*. Mangaro indray, mandamina —, manao —, mandaha-dohavý —. Voy. COMPOSER.

RECOMPOSITION, *sf*. Fangaroana indray, fandaharan-dohavý indray.

RECOMPTER, *va*. Manisa indray.

RÉCONCILIABLE, *adj*. Azo ampihavanina, azo ampifanarahina.

RÉCONCILIATEUR, TRICE, *s*. Mampihavana, mampifanaraka.

RÉCONCILIATION, *sf*. Fampihavanana, fihavanana, fampifanarahana, fifanarahana.

RÉCONCILIER, *va*. Mampihavana indray, mampifanaraka—. Il est impossible de les —. Tsy azo *ampihavanina, ampifanarahina indray* izy ireo.

Se réconcilier, *vpr*. Mihavana indray, mifanaraka—.

RECONDUIRE, *va* Mitari-dálana indray, manatitra —, mitondra —. Voy. CONDUIRE.

RECONDUITE, *sf*. Fitarihan-dálana indray, fanaterana —, fitondrana —.

RÉCONFORTER, *va*. 1° Mampahatanjaka, mahatanjaka. Le vin l'a réconforté. *Nampahatanjaka*, etc., azy ny divay. 2° *fig*. Mahafaka alahelo. Rien ne peut le —. Tsy misy *mahafaka alahelo* azy.

RECONNAISSABLE, *adj*. Mora fantatra, azo fantarina.

RECONNAISSANCE, *sf*. 1° Fifankahalalana, fahalalana, fahafantarana, fahatsiarovana. 2° —, Fizahan-toetra. Le général est allé faire la — du camp ennemi. Lasa *nizaha toetra* ny lasin' ny fahavalo ny jeneraly. 3° —, Fankasitrahana, fahatsiahivana. Il a des droits à ma —. Tsy maintsy *hankasitrahako, hotsahiviko* izy.

RECONNAISSANT, ANTE, *adj*. Mankasitraka, mahatsiahy.

RECONNAÎTRE, *va*. 1° Mahalala, mahafantatra, mahatsiaro, mahita. Je l'ai reconnu à sa voix. Ny feony no *nahalalako, nahafantarako* azy. Ne me reconnaissez-vous point? Moa tsy *mahalala*, tsy *mahafantatra*, tsy *mahatsiaro* ahy hianao? On a reconnu l'innocence de l'accusé. *Fantatra, hita* fa tsy manan-tsiny ilay voampanga. 2° —, Mizaha toetra. Il est allé — le pays. Lasa *nizaha toetra* ny tany izy. 3° —, Manaiky, miaiky. Ce fait est reconnu de tout le monde. *Eken'* ny olondrehetra izany. Il a reconnu ses torts. *Nanaiky, niaiky* ny hadisoany izy. 4° —, Mankasitraka, mahatsiahy. — un bienfait. *Mankasitraka*, etc., ny soa ma-

Se reconnaître, *vpr.* 1° Mahalala, mifankahalala, mahafantatra, mahatsiaro. Il a de la peine à se — dans le miroir. Saika tsy *mahalala,* tsy *mahafantatra* ny tarehiny ao amy ny fitaratra izy. Je me reconnais dans cet endroit. Izay vao *mahatsiaro* ity fitoerana ity aho. Ils ne se reconnaissent pas encore. Tsy mbola *mifankahalala* izy ireo. 2°—, Manaiky, mibebaka. Il se reconnait coupable. *Manaiky* ho meloka izy. Il s'est reconnu avant sa mort. *Nibebaka* talohan'ny nahafatesany izy. 3°—, Mahatsiaro tena. Il est tombé en faiblesse, et est resté longtemps avant de se —. Torana izy, ka ela vao *nahatsiaro tena.*

RECONQUÉRIR, *va.* 1° Mampanaiky indray amy ny ady. 2° *fig.* Mahazo indray.

RECONSOLIDER, *va.* Manamafy indray.

RECONSTITUER, *va.* Manao indray, mamorona —, mandamina —, mandahatra —.

RECONSTITUTION, *sf.* Fanaovana indray, etc.

RECONSTRUCTION, *sf.* Fanaovana indray, fandrafetana —, fanorenana —.

RECONSTRUIRE, *va.* Manao indray, mandrafitra —, manorina —.

RECOPIER, *va.* Mikopia indray, manakopia —, mandika soratra —.

RECOQUILLEMENT, *sm.* Fiforetana, fiforitra, fihorona.

RECOQUILLER, *va.* Mamoritra, mampihorona.

Se recoquiller, *vpr.* Miforitra, mihorona. Les feuilles de cet arbre se sont recoquillées. *Niforitra, nihorona* ny ravin'io hazo io.

RECORRIGER, *va.* Manala diso indray, manitsy indray.

RECOUCHER, *va.* Mampandry indray.

Se recoucher, *vpr.* Mandry indray.

RECOUDRE, *va.* Manjaitra indray.

RECOUPER, *va.* Manapaka indray, mikapa —, mandidy —, manety —.

RECOURBER, *va.* Mampifaraingo, mamoritra. — un bâton. *Mampifaraingo,* etc., tehina.

Se recourber, *vpr.* Mifaraingo, miforitra.

RECOURIR, *vn.* 1° Mihazakazaka indray. Il a couru et recouru. Nihazakazaka izy ary *nihazakazaka indray.* 2°—, Mangata-bonjy, manatona. mianki-na, maka, mizaha. — au médecin. *Manatona, maka* dokotera. — aux manuscrits. *Mizaha* ny taratasy voasoratra.

RECOURS, *sm.* Fangataham-bonjy, fanatonana, fiankinana, fakána, fizahana: Dieu seul est mon —. Andriamanitra irery hiany no *angatahako vonjy, hatoniko, iankinako.* — en cassation. *Fangatahana* fitsarana ambony indrindra. — en grâce. *Fangatahana* famelan-keloka amy ny mpanjaka.

RECOUVRABLE, *adj.* Azo antenaina ho azo indray. Sommes recouvrables. Vola *azo antenaina ho azo indray.*

RECOUVREMENT, *sm.* 1° Fahazoana indray. 2°—, Famoriana.

RECOUVRER, *va.* 1° Mahazo indray. Il a recouvré son bien. *Nahazo* ny fananany *indray* izy. ‖ *loc.* Il a recouvré la santé. Salama indray, nanaritra izy Il a recouvré la parole. Mahateny indray izy. 2°—, Mamory. — les impôts. *Mamory* ny hetra.

RECOUVRIR, *va.* 1° Mandrakotra indray, manarona —, mamono —, manafo —. 2° *fig.* Manarona, manafina. Il cherche à — sa faute. Mitady *hanarona, hanafina* ny hadisoany izy.

RECRACHER, *va.* Mandrora indray, mandrehoka indray.

RÉCRÉATIF, IVE, *adj.* Mahafa-tsasatra. Jeu —. Kilalao *mahafa-tsasatra.*

RÉCRÉATION, *sf.* Fialan-tsasatra, filalaovana.

RECRÉER, *va.* Mamorona indray. On a recréé cet emploi. Vao *noforonina indray* izany raharaha izany.

RÉCRÉER, *va.* Mahafa-tsasatra, mampilalao. Ce jeu récrée l'esprit. *Mahafa-tsasatra* ny saina izany tsilalao izany.

Se récréer, *vpr.* Miala sasatra, milalao.

RECRÉPIR, *va.* Mandalotra indray.

RÉCRIER (SE), *vpr.* Mikafankafana, mihorika. Tout le monde s'est récrié contre cette opinion. *Nikafankafana* avokoa ny olona noho izany hevitra izany. Il s'est récrié d'admiration à la vue de ce tableau. *Nihorika* izy tamy ny nahitany izany sary izany.

RÉCRIMINATION, *sf.* Famaliana ampanga, — fanesoana.

RÉCRIMINATOIRE, *adj.* Misy famaliana ampanga.

RÉCRIMINER, *vn.* Mamaly ampanga, — fanesoana. Il n'a fait que — contre son accusateur. *Namaly ampanga* fotsiny ny mpiampanga azy izy.

RÉCRIRE, *va.* Manoratra indray.

—, *vn.* Mampitondra taratasy indray.

RECROÎTRE, *vn.* Maniry indray, mitombo indray. Le bois coupé recroît. *Maniry indray,* etc., ilay hazo voakapa.

RECRUDESCENCE, *sf.* Fihetsehana mafimafy kokoa. Il y a — dans sa maladie. *Mihetsika mafimafy kokoa* ny aretiny. 2° *fig.* Fihamafisana kokoa indray. Il y a — du froid. *Mihamafimafy kokoa indray* ny hatsiaka.

RECRUE, *sf.* 1° Faka-miaramila. Il a fait une belle —. *Naka miaramila* maro izy. 2°—, Zazavao. Instruire les recrues. Mampianatra ny *zazavao.*

RECRUTEMENT, *sm.* Faka-miaramila.

RECRUTER, *va.* 1° Maka miaramila. 2° *fig.* Mamory zazavao. Il recrute partout des associés. *Mamory zazavao* hatraiza hatraiza ho isan' ny fikambanany izy.

Se recruter, *vpr.* Mandray zazavao.

RECRUTEUR , *sm.* et *adj.* Mpaka miaramila.

RECTA, *adv.* Araka ny fotoana. Il paye —. Mandoa *araka ny fotoana* izy.

RECTANGLE, *adj.* Misy zoro sokera. Triangle —. Telozoro misy *zoro sokera* iray.

—, *sm.* Zavatra efa-dafy sy efa-joro sokera.

RECTANGULAIRE, *adj.* Misy zoro sokera.

RECTEUR, *sm.* Lehibe ao amy ny oniversity.

RECTIFICATION, *sf.* Fanitsiana, fanamarinana.

RECTIFIER, *va.* Manitsy, manamarina ho marina, manarina. — une phrase. *Manitsy* fehezan-teny. — un calcul. *Manamarina* marika *ho marina.* — les idées de quelqu'un. *Manitsy, manarina* ny hevitr' olona.

Se rectifier, *vpr.* Mihamahitsy.

RECTILIGNE, *adj.* Misy tsipika mahitsy. Triangle —. Telozoro *misy tsipika mahitsy.*

RECTITUDE, *sf.* Hahitsy, fahitsiana. Il a une grande — d'esprit. *Mahitsy* saina loatra izy.

RECTO, *sm.* Ny pejy aloha amy ny takela-taratasy iray.

RECTUM, *sm.* Tsinaim-body.

REÇU, UE, *p.* et *adj.* 1° Voaray, noraisina, fanao, azo, voatanty, notantazana. Les usages reçus. Ny fomba *fanao.* 2°—, Nekena.

—, *sm.* Tarasasy filazan-javatra voaray.

RECUEIL, *sm.* Famoriana, fanangonana. Il a fait un — de proverbes. *Namory, nanangona* ohabolana maro izy.

RECUEILLEMENT, *sm.* Fanombenan-tsaina, fitombenan-tsaina.

RECUEILLI, IE, *adj.* Manombin-tsaina, mitombin-tsaina.

RECUEILLIR, *va.* 1° Mamory, manangona, mahavokatra. Il a recueilli beaucoup de vin. *Namory,* etc., divay betsaka izy. Il a recueilli les restes de sa fortune *Namory, nanangona* ny hareny sisa izy. 2° *fig.* Mahazo, mandray, mananty. Il a recueilli du fruit de ses lectures. *Nahazo* soa tamy ny famakiany boky izy. Il a recueilli une succession. *Nahazo, nandray* lova izy. Il l'a recueilli chez lui. *Nandray* azy tao antranony izy. — de l'eau du toit. *Mananty* ny rano avy amy ny tafon-trano. 3°—, Manombina.

Se recueillir, *vpr.* Manombin-tsaina, mitombin-tsaina. Il faut se — avant de prier. Tokony *hanombin-tsaina, hitombin-tsaina* aloha vao mivavaka.

RECUIRE, *va.* 1° Mahandro indray, mitanika —, mandoro —. — des briques. *Mandoro* biriky tanimanga *indray.* 2°—, Mampody amy ny afo indray, manantsohara. On recuit les limes après les avoir trempées. *Ampodina amy ny afo indray* ny tsofa rahefa naofana. — une marmite en terre pour la rendre plus solide. *Manantsohara* vilany tany.

RECUIT, ITE, *adj.* Masaka dia masaka. Le pain est cuit et recuit. Masaka sady *masaka dia masaka* ny mofo.

RECUIT, *sm.* **RECUITE,** *sf.* 1° Fandoroana indray. 2°—, Fampodiana amy ny afo indray, fanantsoharana.

RECUL, *sm.* Fihemotra. Le — du canon quand il tire. Ny *fihemotry* ny tafondro raha mipoaka.

RECULADE, *sf.* 1° Fihemotra, fihemorana. 2° *fig.* Fihemorana.

RECULÉ, ÉE, *adj.* Efa lasa ela, fahagola, any aoriana lavitra any, lavitra. L'antiquité la plus reculée. Ny tany aloha *efa lasa ela*, fony *fahagola*. La postérité la plus reculée. Ny taranaka *any aoriana lavitra any*. Pays —. Tany *lavitra*.

RECULEMENT, *sm.* 1° Fihemotra, fihemorana. 2° —, Fampandrosoana, fampihatahana.

RECULER, *va.* 1° Manemotra, mampihemotra. Reculez votre chaise. *Ahemory* ny sezanao. 2° —, Mampandroso, mampihataka. — une muraille. *Mampandroso*, etc., ampiantany. 3° *fig.* Manemotra, mampihemotra, mampandroso. Il a reculé ses payements. *Nanemotra, nampihemotra* ny andro handoavany vola izy. Il a reculé les bornes de ses Etats. *Nampandroso* ny sisin' ny fanjakany izy.

—, *vn.* 1° Mihemotra, manao dia mianótra. Faites — le cheval. *Hemory, ampanaovy dia mianótra* ny soavaly. 2° *fig.* Mihemotra. Vos affaires reculent. *Mihemotra* ny raharahanao.

Se reculer, *vpr.* 1° Mihemotra, mihataka. Reculez-vous de là. *Mihemora, mihataha* eo hianao. 2° *fig.* Ahemotra, hemorina. Le rendez-vous ne peut se —. Tsy azo *ahemotra*, etc., ny fotoana.

RECULONS (À), *adv.* Mihemotra, manao dia mianótra.

RÉCUPÉRER, *va.* Mahazo indray.

Se récupérer, *vpr.* Manonitra. Il s'est récupéré de ses pertes. *Nanonitra* ny fatiantony izy.

RÉCUSABLE, *adj.* Azo lavina. Témoin —. Vavolombelona *azo lavina*. Témoignage —. Filazana *azo lavina*.

RÉCUSATION, *sf.* Fandávana.

RÉCUSER, *va.* Mandá. — un juge. *Mandá* hotsarain' ny mpitsara anankiray.

Se récuser, *vpr.* Malain-kitsara.

RÉDACTEUR, *sm.* Mpandaha-teny an-tsoratra. Le — d'un journal. Ny *mpandaha-teny* amy ny gazety anankiray.

RÉDACTION, *sf.* 1° Fandaharan-teny an-tsoratra, laha-teny an-tsoratra. Cette — est claire. Mazava ny *nandaharana* ireo *teny an-tsoratra* ireo, izany *laha-teny an-tsoratra* izany. 2° —, Ny mpandaha-teny rehetra amy ny gazety anankiray.

REDDITION, *sf.* 1° Fanolorana. On vient d'apprendre la — de cette ville. Vao re ny *nanolorana* izany tanána izany. 2° —, Famoahana. On ne peut savoir s'il est coupable, qu'après la — de son compte. Tsy azo fantarina ho diso izy na tsia, raha tsy efa *avoakany* aloha ny miditra sy ny mivoaka.

REDÉFAIRE, *va.* Mamaha indray, mandrava —, mamboraka —.

REDEMANDER, *va.* Mangataka indray, mitaky indray.

RÉDEMPTEUR, *sm.* (Jeso-Kristy) Mpanavotra.

RÉDEMPTION, *sf.* Fanavotana.

REDESCENDRE, *vn.* Midina indray.

—, *va.* Mampidina indray. Redescendez ce tableau. *Ampidino indray* io sary io.

REDEVABLE, *adj.* 1° Mbola ananan' olona vola, ananan' olona vola. Il m'est — de cent francs. *Mbola ananako vola* roapolo izy. 2° —, Mankasitraka, mahazo soa. Je suis fort — à votre bonté. *Mankasitraka* indrindra ny hazavamponao aho. Je lui suis — de ma fortune. Izy no *nahazoako* ny hareko.

—, *s.* Izay mbola ananan' olona vola.

REDEVANCE, *sf.* Vola na harena tsy maintsy haloa isan-taona amy ny fotoana raikitra.

REDEVENIR, *vn.* Tonga indray. Il est redevenu puissant. *Tonga* nahery *indray* izy.

REDEVOIR, *va.* Mbola ananan' olona vola. Je lui redois encore. *Mbola ananany vola* aho.

RÉDHIBITION, *sf.* Fanafoanam-barotra.

RÉDHIBITOIRE, *adj.* Mahafoam-barotra. Vice —. Kilema *mahafoam-barotra*.

RÉDIGER, *va.* Mandaha-teny an-tsoratra. Rédigez ce que vous avez entendu dire. *Alaharo an-tsoratra* izay efa renao.

RÉDIMER (SE), *vpr.* Manafa-tena. La ville se rédima du pillage. Ny tanána *nanafa-tena* tamy ny mpamabo.

REDINGOTE, *sf.* Akanjo vity.

REDIRE, *va.* 1° Milaza indray, mamerimberin-teny, mamerina. Il redit toujours la même chose. *Mamerimberina* lalandava ny zavatra iray loha izy. L'écho redit trois syllabes. *Mamerina* vakiteny telo ny ako. 2° —, Maniny, manakiana. Il n'y a rien à — à sa conduite. Tsy misy *hotsinina* velively, *hokianina* intsony amy ny fitondran-tenany.

REDISEUR, EUSE, *s.* Mpamerimberin-teny.

REDITE, *sf.* Famerimberenan-teny, teny averimberina.

REDONDANCE, *sf.* Habetsahan-teny foana.

REDONDANT, ANTE, *adj.* Foana, be teny foana. Terme—. Teny *foana.* Style—. Laha-teny *be teny foana.*

REDONNER, *va.* 1° Manome indray. J'avais rendu cette maison à mon père, il me l'a redonnée. Naveriko tamy ny raiko io trano io, ka *nomeny* ahy *indray.* 2°—, Manka... indray, mampa.... indray, mampi.... indray. Il redonna du courage aux troupes. *Nankahery* fo ny miaramila *indray* izy.

—, *vn.* Mamely indray. La cavalerie redonna avec un nouveau courage. Ny miaramila an-tsoavaly *namely indray* tamy ny herim-po vaovao.

REDORER, *va.* Manisy ankoso-bolamena indray.

REDOUBLÉ, ÉE, *adj.* Haingana kokoa. Allez au pas—. Mandehana *haingana kokoa.*

REDOUBLEMENT, *sm.* Fitomboana.

REDOUBLER, *va.* 1° Mampitombo. Redoublez vos prières. *Ampitomboy* ny fivavahanao. 2°—, Manisy dabolera, — sosona. Redoublez cette robe. *Asio dabolera, sosona* ity zipo ity.

—, *vn.* Mitombo. Le froid redouble. *Mitombo* ny hatsiaka.

REDOUTABLE, *adj.* Mahatahotra, atahorana. Un ennemi —. Fahavalo *mahatahotra,* etc.

REDOUTE, *sf.* Bateri.

REDOUTER, *va.* Matahotra dia matahotra.

REDRESSEMENT, *sm.* 1° Fanitsiana, fahitsiana. 2° *fig.* Fanitsiana.

REDRESSER, *va.* 1° Manitsy, manarina, manangana indray. — une planche. *Manitsy* hazo fisaka. Redressez la tête. *Areno* ny lohanao. — une statue. *Manangana* sariolona *indray.* 2° *fig.* Manitsy, manitsy ny dia, manarina, manesotra, mamay, mampanonitra. — les opinions de quelqu'un. *Manitsy, manarina* ny hevitr'olona. Il était près de se perdre, mais on l'a redressé. Efa saika very izy, fa nisy olona *nanitsy ny diany.* — les abus. *Manesotra* ny fanao tsy mety. Il faisait l'insolent, mais je l'ai redressé. Nihoatroa-bava izy, fa *nofaiziko.*

Se redresser, *vpr.* 1° Miarina, mitraka, mitsangana indray. 2° *fig.* Mianjonanjona.

REDRESSEUR, *sm.* Mpanitsy, mpampanonitra. Un — de torts. *Mpanitsy* ny hadisoan' olona, *mpampanonitra* ny ratsy ataon' ny sasany.

RÉDUCTIBLE, *adj.* 1° Azo ahena, — hakelezina. Intérêts réductibles. Zanabola *azo ahena,* etc. 2°—, Azo ovana. Les piastres sont réductibles en schellings. *Azo ovana* ho kirobo ny ariary.

RÉDUCTION, *sf.* 1° Fampihenána, fihenána, fanakelezana, hakelezana. La — de sa fortune le force à l'économie. Ny *fihenán*'ny hareny manery azy mba hitsitsy. 2° —, Fampanekena. 3° —, Fanovana.

RÉDUIRE, *va.* 1° Mampihena, manakely, manao very sasaka, — very fahatelo, manafohy. Il a réduit sa dépense au quart. *Nahenany, nohakeleziny* ho ampahefany ny holaniny. Faites bouillir cette liqueur jusqu'à ce qu'elle soit réduite à la moitié. Ampangotrahy ho *very sasaka* io lalikera io. — son opinion en peu de mots. *Manafohy* ny heviny amy ny teny vitsivitsy. Réduisez cette statue. *Hakelezo* io sariolona io. 2°—, Manery, mampanaiky, mampan... mampi... Cette maladie l'a réduit à ne vivre que de lait. Izany aretina izany *nanery* azy mba tsy hihinana afa-tsy ronono fotsiny. Je l'ai réduit au silence. *Nolereko* mba hangina izy. Ce général a réduit cette place. *Nampanaiky* izany tanána izany io jeneraly io. Cette nouvelle le réduisit au désespoir. *Nampamoy* fo azy izany zava-baovao izany. 3°—, Mahatonga, mampanjary, manova ho. Le feu réduit le bois en cendre. Ny afo *mahatonga, mampanjary* ny hazo ho lavenona. Réduisez ces piastres en schellings. *Ovao* ho kirobo ireo ariary ireo.

Se réduire, *vpr.* 1° Mihena, mihakely, very sasaka, very fahatelo, misy hiany. Son discours se réduit à deux idées. Ny laha-teniny *misy* zavatra roa *hiany.* 2° —, Manery saina, mahafehy tena, ampanekena. Il s'est réduit à la plus stricte économie. *Nanery saina, nahafehy tena* mba hitsitsy indrindra izy. La jeunesse ne se réduit pas aisément. Tsy mora *ampanaikena* ny tanora. 3°—, Tonga, manjary, miova ho.

RÉDUIT, ITE, *p.* et *adj.* 1° Nahena, nihena, nohakelezina, nihakely, very sasaka, — fahatelo, nohafohezina, nihafohy. 2° —, Voatery, noterena, tery, nam-

panekena, manaiky. 3° —, Tonga, manjary, novana ho, niova ho.

RÉDUIT, *sm.* Fitoerana kely mangingina.

RÉDUPLICATIF, IVE, *adj.* et *sm.* Milaza fanindraozana. Redire est le—de dire. Ny teny hoe milaza indray dia *fanindraozana* ny hoe milaza.

RÉÉDIFICATION, *sf.* Fanorenana indray.

RÉÉDIFIER, *va.* Manorina indray.

RÉÉDITER, *va.* Mampanonta boky indray.

RÉEL, ELLE, *adj.* Misy tokoa, marina, tena, araka ny lanjany. L'aventure est réelle. *Nisy tokoa* izany. Ce que je vous dit est—. *Marina* izay lazaiko aminao. Ce ne sont pas des chimères, ce sont des choses réelles. Tsy hevi-dravina izany, fa *tena* izy. Valeur réelle. *Tena* vidiny, vidiny *araka ny lanjany.*

RÉÉLECTION, *sf.* Fifidianana indray.

RÉÉLIGIBLE, *adj.* Azo fidina indray.

RÉÉLIRE, *va.* Mifidy indray. —un député. *Mifidy* solombavam-bahoaka *indray.*

RÉELLEMENT, *adv.* Tokoa.

RÉEXPORTATION, *sf.* Famarinana indray.

RÉEXPORTER, *va.* Mamarina indray.

REFAIRE, *va.* 1° Manao indray. —un discours. *Manao* laha-teny *indray.* — un mur. *Manao* ampiantany *indray.* 2°—, Mampahatanjaka indray. Le bon air le refera. Ny rivotra madio *hampahatanjaka* azy *indray.*

—, *vn.* Manao indray. C'est à—. Tsy maintsy *hatao indray* izany.

Se refaire, *vpr.* Mihamatanjaka indray.

REFAUCHER, *va.* Mijinja vilona indray.

RÉFECTION, *sf.* Sakafo.

RÉFECTOIRE, *sm.* Efi-trano fihinanana.

REFENDRE, *va.* Mamaky indray, mamaky. —une poutre. *Mamaky* sakamandimby.

RÉFÉRER, *va.* 1° Mampomba. A quoi référez-vous cet article ? Amin' inona no *ampombanao* io zavatra io ? 2°—, Manome. Je lui en réfère toute la gloire. Izy irery no *omeko* voninahitra noho izany.

—, *vn.* Milaza. Il en sera référé à la chambre. *Holazaina* amy ny mpitsara izany.

Se référer, *vpr.* 1° Momba. 2°—, Mino, matoky, manaraka. Je m'en réfère à votre avis. *Mino,* etc., ny hevitrao aho.

REFERMER, *va.* Manakatona indray, mandrindrina—, manidy—. Voy. FERMER.

Se refermer, *vpr.* 1° Mikatona indray, mirindrina—. 2°—, Mikombona indray. Ses yeux se referment. *Mikombona indray* ny masony.

RÉFLÉCHI, IE, *p.* et *adj.* 1° Mitaratra, voatehaka, notehafina, naverina, averina. 2° *fig.* Voadinika, nodinihina, mandinika, voaeritreritra, noeritreretina, mieritreritra, iniana. Pensée réfléchie. Hevitra *voadinika, nodinihina, voaeritreritra, noeritreretina.* Homme —. Olona *mandinika, mieritreritra.* Action réfléchie. Zavatra atao *iniana.* 3° —, Milaza ny ataon' ny *sujet* amy ny tenany. Verbe —. Verba *milaza ny ataon' ny sujet amy ny tenany.*

RÉFLÉCHIR, *va.* Tarafina, mitehaka, mamerina. Le fer-blanc réfléchit la lumière du soleil. *Tarafin'* ny masoandro ny vifotsy, ny vifotsy *mitehaka* ny fahazavan' ny masoandro. L'écho réfléchit la voix. Ny ako *mamerina* ny feo.

—, *vn.* 1° Mitaratra, tehafina, miverina. La lumière réfléchit de la muraille dans ma chambre. *Tarafin'* ny mazava avy amy ny rindrina ny efi-tranoko. 2° *fig.* Mandinika. mieritreritra. Réfléchissez sur cette affaire. *Diniho, eritrereto* izany raharaha izany.

Se réfléchir, *vpr.* Mitaratra, tehafina, miverina. Son image se réfléchissait dans l'eau. *Nitaratra* tao anaty rano ny tarehiny. La chaleur se réfléchit. *Miverina* ny hafanana.

RÉFLÉCHISSANT, ANTE, *adj.* Azo tarafina, mitehaka, mamerina.

RÉFLÉCHISSEMENT, *sm.* Fitaratafana, fitehafana, fiverenana.

RÉFLECTEUR, *adj.* et *sm.* Tarafina, mitehaka, mamerina.

REFLET, *sm.* 1° Fitomarataratra. 2° *fig.* Fitomarataratra, famirapiratra. Sa famille participe au — de sa gloire. Ny mpianakaviny dia miombona amy ny *fitomarataratra,* etc., ny voninahiny.

REFLÉTER, *va.* et *n.* 1° Mampitomarataratra. Cette draperie rouge reflète sur la personne qui est auprès. Io lamba temitra mena io *mampitomarataratra* ny olona manakaiky azy. 2° *fig.* Mampitomarataratra, mampamirapiratra.

Se refléter, *vpr.* Mampitomarataratra.

REFLEURIR, *vn.* 1° Mamony indray.

Les arbres refleurissent. *Mamony indray* ny hazo. 2° *fig.* Mandroso indray. Les lettres refleurissent. *Mandroso indray* ny fahaizana mandaha-teny an-tsoratra.

RÉFLEXION, *sf.* 1° Fitarafana, fitehafana, fiverenana. 2° *fig.* Fandinihana, fieritreretana. Il a fait de longues réflexions. *Nandinika, nieritreritra* ela izy. 3°—, Hevitra. Voilà de savantes réflexions. Lalina ireo *hevitra* ireo.

REFLUER, *vn.* 1° Miorika, mihemotra, miverina. Quand la mer monte, elle fait — les rivières. Raha misondrotra ny ranomasina, dia *mampiorika, mampihemotra, mampiverina* ny renirano. Le sang reflue vers le cœur. *Miverina* amy ny fo ny ra. 2° *fig.* Mihemotra, miverina. Les barbares refluèrent dans les Gaules. Ny baribariana *niverina* tany Frantsa.

REFLUX, *sm.* 1° Fisintonan' ny ranomasina. 2° *fig.* Fiovaovana. Voy. Flux.

REFONDRE, *va.* 1° Mandrendrika indray, manidina indray. — une cloche. *Mandrendrika*, etc., lakolosy *indray.* 2° *fig.* Manao indray, mampiova toetra. — un discours. *Manao* laha-teny *indray.* Vous ne me refondrez pas. Tsy *hampiova toetra* ahy hianao.

REFONTE, *sf.* 1° Fandrendrehana indray, fanidinana —. Depuis la — des monnaies. Hatramy ny *nandrendrehana, nanidinana* ny vola *indray.* 2° *fig.* Fanaovana indray.

RÉFORMABLE, *adj.* Azo ahitsy, tokony hahitsy.

RÉFORMATEUR, TRICE, *s.* Mpanitsy.

RÉFORMATION, *sf.* 1° Fanitsiana. 2° —, Fanesorana, fanovana.

RÉFORME, *sf.* 1° Fanitsiana. 2°—, Fanesorana, fanovana, fampihenána, fanoloana. Vingt chevaux ont été mis à la —. Soavaly roapolo no efa *nosoloana.* 3° —, Ny fivavahan' ny protestanta.

RÉFORMÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Voahitsy, nahitsy. 2° —, Nesorina, novana, nahena, voasolo, nosoloana. Des habits réformés. Akanjo efa *nosoloana.* 3° —, Any ny protestanta. La religion réformée. Ny fivavahan' *ny protestanta.*

—, *sm. pl.* Ny protestanta.

REFORMER, *va.* Mamorona indray, mamory indray. — une armée. *Mamory* tafika *indray.*

Se reformer, *vpr.* Miforona indray, foronina —, mivory —. Il s'est reformé un abcès dans sa poitrine. Misy vay *niforona indray* tao amy ny tratrany.

RÉFORMER, *va.* 1° Manitsy. — les lois. *Manitsy* ny lalána. — un ordre religieux. *Manitsy* ny fikambanan' ny relijiozy. 2° —, Manesotra, manova, mampihena, manolo. — les abus. *Manesotra* ny fanao tsy mety. — ses mœurs. *Manova* ny fitondran-tenany. — sa dépense. *Mampihena* ny holanina. — un cheval. *Manolo* soavaly.

Se réformer, *vpr.* Miova ho tsara.

REFOULEMENT, *sm.* 1° Fanerena indray, fanitsahana —. 2° —, Fiorihana, fihemorana, fiverenana.

REFOULER, *va.* 1° Manery indray, manitsaka indray. — une étoffe. *Manery* lamba *indray.* 2° *fig.* Mandroaka. — les barbares. *Mandroaka* ny baribariana.

—, *vn.* Miorika, mihemotra, miverina. Voy. Refluer.

RÉFRACTAIRE, *adj.* 1° Tsy manaiky. — aux ordres de son maître. *Tsy manaiky* ny didin' ny tompony. 2° —, Sarotra empoina. Minerai —. Metaly *sarotra empoina.*

—, *sm.* Mpandositra ny faká-miaramila.

RÉFRACTER, *va.* Mampivily tsirimpahazavana.

Se réfracter, *vpr.* Mivily. Les rayons lumineux se réfractent dans l'air. *Mivily* ao anatin' ny aera ny tsirim-pahazavana.

RÉFRACTION, *sf.* Fivilian' ny tsirimpahazavana.

REFRAIN, *sm.* 1° Fiverenan-kira. 2° *fig.* Teny averimberina.

RÉFRANGIBLE, *adj.* Mivily.

REFRAPPER, *va.* Mandona indray, manamarika—.

REFRÉNER, *va.* Mahatana, mihazona, mamolaka, misakana. — sa langue. *Mahatam*-bava. — sa colère. *Mihazona* ny hatezerany. — ses passions. *Mamolaka* ny filan-dratsiny. — la licence. *Misakana* ny filibana.

RÉFRIGÉRANT, ANTE, *adj.* Mampangatsiatsiaka. Potion réfrigérante. Fanafody fisotro *mampangatsiatsiaka.*

—, *sm.* 1° Fisotro mampangatsiatsiaká. 2°—, Lokaloka.

RÉFRIGÉRATIF, IVE, *adj.* et *sm.* Mampangatsiatsiaka.

RÉFRIGÉRATION, *sf.* Fampangatsiatsiahana, fangatsiaka, fangatsiahana.

RÉFRINGENT, ENTE, *adj.* Mampivily ny tsirim-pahazavana.

REFROGNEMENT ou **RENFROGNEMENT,** *sm.* Fiketronan-kandrina.

REFROGNER (SE) ou **RENFROGNER (SE),** *vpr.* Miketron-kandrina.

REFROIDIR, *va.* 1° Mampangatsiatsiaka. La pluie refroidit l'air. Ny ranonorana *mampangatsiatsiaka* ny andro. 2° *fig.* Mampangatsiaka, mampihena, manaketraka. La vieillesse refroidit les passions. Ny fahanterana *mampihena, manaketraka* ny filan-dratsin' ny nofo.
—, *vn.* Mihamangatsiaka.

Se refroidir, *vpr.* 1° Mihamangatsiaka. 2° *fig.* Mihamangatsiaka, mihena, mihaketraka. Leur amitié se refroidit. *Mihamangatsiaka, mihena* ny fifankatiavan' izy ireo.

REFROIDISSEMENT, *sm.* 1° Fihamangatsiaka, hatsiaka. Le — du temps pourrait nous amener de la gelée. Angamba hampandry ny rano ny *fihamangatsiaky* ny andro. Il a attrapé un—. Nosovohin' ny *hatsiaka* izy. 2° *fig.* Fihamangatsiaka, fihena, fihaketraka.

REFUGE, *sm.* 1° Fialofana, fiarovana. Chercher un — Mitady *fialofana,* etc. 2° *fig.* Fialofana. Dieu est mon—. Andriamanitra no *fialofako.* Quel misérable — que ce prétexte ! Endrey izany hatsinontsinon' ny fialan-tsiny *ialofany !*

RÉFUGIÉ, ÉE, *s.* Olona mialoka amy ny fanjakana hafa.

RÉFUGIER (SE), *vpr.* 1° Mialoka. Il s'est réfugié en France. *Nialoka* tany Frantsa izy. 2° *fig.* Il se réfugie dans le mensonge. Ny lainga no *ialofany.*

REFUS, *sm.* Fandávana, tsy fetezana. Il a éprouvé un—. Efa *nolavina* ny nangatahiny.

REFUSER, *va.* Mandá, tsy mety, tsy mamela. —un présent. *Mandá* handray fanatitra. Il a refusé son consentement. *Tsy nety* nanaiky izy. On lui a refusé la porte. *Tsy navela* handingana ny varavarana izy.

Se refuser, *vpr.* 1° Lavina. 2°—, Mifady, tsy mety, manohitra. C'est un avare qui se refuse le nécessaire. *Mifady* ny zavatra ilaina indrindra iò kahihitra io. Il se refuse à travailler. *Tsy mety* hiasa izy. Il est impossible de se—à l'évidence de ses preuves. Tsy azo *toherina* ny fihariharin' ny porofo ataony.

RÉFUTATION, *sf.* Famaliana, fanoherana, fampihariharìana.

RÉFUTER, *va.* Mamaly, manohitra, mampiharihary. —un argument. *Mamaly, manohitra* porofo. — une erreur. *Manohitra* hevi-diso anankiray. — un livre. *Manohitra* ny hevi-diso izay ao amy ny boky anankiray. —une calomnie. *Mampiharihary* fanendrikendrehana.

Se réfuter, *vpr.* Valiana, toherina.

REGAGNER, *va.* 1° Mahazo indray. Il a regagné son argent. *Nahazo* ny volany *indray* izy. J'ai regagné ses bonnes grâces. Efa *nahazo* fitia taminy *indray* aho. 2°—, Mahery indray. — du terrain, — le dessus. *Mahery indray.* 3°—, Miverina. Il a regagné le rivage. *Niverina* teny an-tanety indray izy.

Se regagner, *vpr.* Azo indray.

REGAIN, *sm.* Dimbin' antsy, kolokolo. — du riz. *Kolokolo.*

RÉGAL, *sm.* 1° Fihinanam-be, grandiné. Ce sont des régals continuels. *Fihinanam-be* lalandava izany. 2°—, Nahandro tiana dia tiana. C'est un—pour moi. *Nahandro tiako dia tiako* izany.

RÉGALADE, *sf.* Fihinanam-be.

RÉGALANT, ANTE, *adj.* Mahafaly.

RÉGALER, *va.* Mampanao fihinanambe, mampifaly. Il régale ses amis. *Mampanao fihinanam-be* ny sakaizany izy. Il nous a régalés d'un concert. *Nampifaly* anay tamy ny konserta nataony izy.

Se régaler, *vpr.* Manao fihinanam-be.

REGARD, *sm.* 1° Fijerena, fijery, fiandrandrána, fitazanana, fitsinjovana, fibanjinana, fivandravandrana, famongitrihana, fiherehana, fipitrapitrana, fizahana. Jeter ses regards de côté et d'autre. *Mijerijery* atsý arý. Abaisser ses regards sur les misérables. *Mijery, mitsinjo* ny mahantra. Fixer ses regards sur un tableau. *Mibanjina* sary. Jeter un — menaçant sur quelqu'un. *Mivandravandra* amin' olona. Jeter un — irrité sur quelqu'un. *Mamongitrika* amin' olona. Il a un — terrible. *Mijery* tsiravina izy. Tourner ses regards vers un objet. *Miherika* zavatra. 2° —, Hirika fitsirihana lakan-drano. 3° —, Fiderana. Cette action mérite d'arrêter les regards de tous les gens de bien. Izany nataony izany mendrika *hoderain'* ny tsara fanahy rehetra.

En regard, *loc. adv.* Tandrify.

REGARDER, *va.* 1° Mijery, miandrandra, mitazana, mitsinjo, mibanjina, mivandravandra, mamongitrika, miherika, mangarika, manarangarana, mipitrapitra, mizaha. — le ciel. *Mijery, miandrandra, mitazana* ny lanitra. — la campagne. *Mitazana, mitsinjo* ny any an-tsaha. — fixement quelqu'un. *Mibanjina* olona. — quelqu'un en face. *Mijery* olona manatrika. — quelqu'un de côté. *Mangarika* olona. — à la dérobée. Mangala-*pijery*. — par le trou de la serrure. *Manarangarana* ao amy ny lavaky ny hidin-trano. — avec tristesse et confusion. *Mipitrapitra*. Regardez dans vos papiers. *Jereo, zahao* ao amy ny taratasinao. 2° *fig.* Mitodika, manatrika. L'aiguille aimantée regarde toujours le nord. *Milodika* mianavaratra mandrakariva ny sahazampamantarana avaratra. La prison regarde la rivière. Ny tranomaizina *mitodika*, etc., ny renirano. 3° —, Mandinika, manao ho.... Regardez bien la bonté de cette étoffe. *Diniho* tsara ny hatsaran' io lamba io. On le regarde comme un homme de bien. *Ataon'* ny olona *ho* tsara fanahy izy. 4° —, Raharaha, momba, amy ny. Cette affaire me regarde. *Raharahako* izany. Comme CONCERNER.

—, *vn.* Mitandrina. Il faut y — à deux fois. Tokony *holandremana* tsara izany.

Se regarder, *vpr.* 1° Mizaha fitaratra, mifampijery. Elle se regarde sans cesse dans son miroir. *Mizaha* fitaratra lalandava izy. Ils se regardent sans parler. *Mifampijery* tsy misy miteny izy ireo. 2° *fig.* Mifanatrika. Ces maisons se regardent. *Mifanatrika* ireo trano ireo. 3° —, Manao ny tenany ho.... Il se regarde comme savant. *Manao ny tenany ho* mahay izy.

REGARNIR, *va.* Manisy indray. Voy. GARNIR.

RÉGENCE, *sf.* Fisoloana ny mpanjaka.

RÉGÉNÉRATEUR, TRICE, *s.* et *adj.* Mahatsara, mampahendry.

RÉGÉNÉRATION, *sf.* 1° Fahaterahana indray. 3° *fig.* Fihatsara, fihahendry.

RÉGÉNÉRER, *va.* 1° Mahatonga ho teraka indray. Le baptême nous régénère. *Ateraky* ny batemy *indray* isika. 2° *fig.* Mahatsara, mampahendry. — les mœurs. *Mahatsara* ny fitondran-tena. — les peuples. *Mampahendry* ny firenena.

Se régénérer, *vpr.* 1° Teraka indray. 2° *fig.* Mihatsara, mihahendry.

RÉGENT, ENTE, *adj.* et *s.* Misolo ny mpanjaka raha mbola tanora loatra na raha sendra tsy ao.

RÉGENTER, *va.* Milohaloha. Il veut — tout le monde. Te-*hilohaloha* amy ny olona rehetra izy.

RÉGICIDE, *sm.* Famonoana mpanjaka, mpamono —.

—, *adj.* Mitaona hamono mpanjaka. Doctrine —. Fampianarana *mitaona hamono mpanjaka*.

RÉGIE, *sf.* Fitandremana, fitondrandraharaha, famoriana haba.

REGIMBER, *vn.* 1° Manao savoambody. 2° *fig.* Tsy mety manaiky, manohitra.

RÉGIME, *sm.* 1° Lalána momba ny fahasalamana, fandanjana ny hanina Il suit un — sévère. Manaraka *lalána* sarotra *momba ny fahasalamana* izy. Il s'est mis au —. *Mandanja ny hanina* haniny izy. 2° —, Fitondram-panjakana, fitondrana. Le — de ce pays est sévère. Mangidy ny *fitondram-panjakana* amin'izany tany izany. Le — des hôpitaux s'est amélioré. Nihatsara ny *fitondrana* ao amy ny trano fitsaboana. 3° —, Famenonteny. — direct. *Famenon-teny* tsy miolaka ; teny mameno ny hevitry ny verba, nefa tsy misy preposisiona. — indirect. *Famenon-teny* misy fiolahana ; teny atohin' ny preposisiona amy ny verba eo alohany mba hameno ny heviny. 4° —, Iray reny. Un — de bananes. Akondro *iray reny*.

RÉGIMENT, *sm.* 1° Antoko-miaramila fehezin' ny kolonely. 2° *fig.* Habetsahana. Un — d'enfants. Ankizy madinika *betsaka*.

RÉGION, *sf.* 1° Tany, fari-tany. Les régions d'Afrique. Ny *tany*, etc., any Afrika. 2° —, Faritra. Son mal est à la — du cœur. Ao amy ny *faritry* ny fo ny aretiny. ‖ *loc.* Dans les hautes régions de l'atmosphère. Any ambony dia ambony amy ny atmosfera. Il s'élance dans les hautes régions de la philosophie. Misondrotra ambony dia ambony amy ny fahaizana filozofy izy.

RÉGIONAL, ALE, *adj.* Amy ny faritany anankiray.

RÉGIR, *va.* 1° Mitondra, mitandrina. Il est difficile de — un grand peuple. Sarotra ny *mitondra* vahoaka maro. Il régit la succession. *Mitandrina* ny lova

izy. 2°—, Fenoina. Le mot que régit un verbe. Ny teny izay *mameno* ny hevitry ny verba.

RÉGISSEUR, *sm.* Mpitandrina. Le— d'un domaine. Ny *mpitandrina* ny saha anankiray.

REGISTRE, *sm.* Rejistra, boky. Le— des décès. Ny *rejistra*, etc., fanoratana ny maty. Les registres d'un marchand. Ny *bokin'* ny mpivarotra.

RÉGLAGE, *sm.* 1° Fitsipihana. 2°—, Fampifanarahana, fampitoviana.

RÉGLE, *sf.* 1° Fitsipika. —de bois. *Fitsipika* hazo. 2° *fig.* Fitsipika, lalána, didy, fanao. C'est une — sûre pour ne pas se tromper. *Fitsipika* mahatoky tsy hahadiso hevitra izany. Sa conduite sert de —. Azo atao *fitsipika* arahina ny fitondran-tenany. Il observe les règles de la grammaire. Manaraka ny *lalán'* ny gramara izy. Cet élève manque souvent à la —. Mandiso matetika ny *lalána,* ny *didy* io mpianatra io. Cette procédure est dans les règles. Araka ny *lalána,* ny *fanao* izany fomba fitsarana izany. 3°—, Fanaova-marika, raikitelo, arakeviny. Il connaît les quatre premières règles. Mahay ny *fanaova-marika* efatra voalohany izy. La — de trois. Ny *raikitelo,* ny *arakeviny.* 4°—, *pl.* Isam-bolana, fotoana.

RÉGLÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Voatsipika, notsipihina. ;2° *fig.* Voalamina, nalamina, milamina, hendry, tsara fitondrantena, nampifanarahina, nampitovina. Maison bien réglée. Trano *milamina* tsara. Pouls—. Polsa *milamina.* Homme—. Olona *hendry, tsara fitondrantena.* 3°—, Raikitra, naraikitra, voatendry, notendrena, voafetra, noferana, tapaka, notapahina, voafarana, nofaranana. Il est — que vous partirez. *Raikitra* fa hiainga hianao.

RÈGLEMENT, *sm.* 1° Lalána, didy, fitsipika. Voici le—du collège. Ity ny *lalána,* ny *didin'* ny trano kolejy. Voici mon—de vie. Inty ny *fitsipi*-pitondrantena arahiko. 2°—, Fandraiketana, fanendrena, famerana, fanapahana, famaranana.

RÉGLEMENTAIRE, *adj.* Momba ny lalána, —ny didy.

RÉGLEMENTATION, *sf.* Fanaovana lalána.

RÉGLEMENTER, *va.* Manao lalána. —une école. *Manao lalána* ho any ny trano sekoly.

—, *vn.* Manaonao lalána. Il aime à —. Ta-*hanaonao lalána* izy.

RÉGLER, *va.* 1° Mitsipika. —du papier. *Mitsipika* taratasy. 2° *fig.* Mandamina, mampifanaraka, mampitovy. Il a bien réglé sa maison. *Nandamina* tsara ny tokantranony izy. Réglez votre montre. *Ampifanaraho, ampitovio* ny famantaranandronao. 3°—, Mandraikitra, manendry, mametra, manapaka, mamarana. On a réglé le jour des séances. *Naraikitra, notendrena* ny andro hivoriana. On a réglé les limites du royaume. *Noferana* ny sisin' ny fanjakana. Il a réglé notre différend. *Nanapaka, namarana* ny adinay izy. Il a réglé mon compte. *Nandraikitra, namarana* izay tsy maintsy haloako izy.

Se régler, *vpr.* 1° Manaraka, mianatra. Je me règle sur lui. *Manaraka,* etc., azy aho. 2°—, Milamina, mihahendry, mihatsara fitondran-tena.

RÉGLETTE, *sf.* Fitsipika kely.

RÉGLEUR, *sm.* Mpitsipika.

RÉGLISSE, *sf.* Zava-maniry misy fakany mamy fanao ody kohaka, reglisa. Jus de —. Ditin-*dreglisa.*

RÉGNANT, ANTE, *adj.* 1° Manjaka ankehitriny. Le prince —. Ny andriana *manjaka ankehitriny.* 2° *fig.* Any ny be sy ny maro, any ny olona. L'opinion régnante. Ny hevitry *ny be sy ny maro.* La maladie régnante. Ny aretin' *ny olona.*

RÈGNE, *sm.* 1° Andro anjakana. Son — fut glorieux. Be voninahitra ny *andro nanjakany.* Durant son —. Nandritra ny *andro nanjakany.* 2° *fig.* Anjakana, fanarahan' ny be sy ny maro. Quand arrivera le — de la justice? Rahoviana no *hanjakan'* ny fahamarinana? Le — de cette mode est passé. Tsy *arahin' ny be sy ny maro* intsony izany lamody izany. ‖ *loc.* Le — animal. Ny biby rehetra. Le — végétal. Ny zava-maniry rehetra. Le — minéral. Ny mineraly rehetra.

RÉGNER, *vn.* 1° Manjaka. Il a régné longtemps. *Nanjaka* ela izy. 2° *fig.* Manjaka, mizaka, arahin' ny be sy ny maro, mahatarika, mamolaka. Ce prince fit — la justice. *Nampanjaka* ny fahamarinana iny mpanjaka iny. Il règne à la cour. *Mizakazaka* ao anaty rova izy. Cette opinion a régné longtemps. Efa *narahin' ny be sy ny maro* hatramy

ny ela izany hevitra izany. Il règne sur les cœurs par sa bonté. *Mahatarika* ny fon' ny olona noho ny hazavam-pony izy. Le sage règne sur ses passions. Ny olon-kendry *mamolaka* ny filan-dratsin' ny tenany. 3°—, Misy. La fièvre règne ici. *Misy* tazo aty.

REGONFLEMENT, *sm.* Fanabontsinana indray, fibontsinana indray.

REGONFLER, *va.* Manabontsina indray. —un ballon. *Manabontsina* balóna indray. Voy. GONFLER.

—, *vn.* Misondrotra indray. La rivière regonfle. *Misondrotra indray* ny renirano.

REGORGEMENT, *sm.* Fihoarana.

REGORGER, *vn.* 1° Mihoatra. La rivière regorge. *Mihoatra* ny renirano. 2° *fig.* Be dia be. Cette province regorge de blé. *Be dia be* ny varim-bazaha amin' izany fari-tany izany.

REGRATTAGE, *sm.* Fikikisana indray.

REGRATTER, *va.* Mikiky indray, mihaotra —.

REGRET, *sm.* 1° Alahelo, hanina, fanembonana, nenina, fanenenana. 2°—, *pl.* Fitarainana. Il se consume en regrets. *Mitaraindraina* lava izy.

À regret, *loc. adv.* Tsy fidiny. Il a fait cela à —. *Tsy fidiny* no nanaovany izany.

REGRETTABLE, *adj.* Tokony halahelovana, — hanenenana.

REGRETTER, *va.* Malahelo, manina, manembona, manenina. Il regrette le temps perdu. *Malahelo* ny andro very foana izy. Il regrette son ami. *Malahelo, manina, manembona* ny sakaizany izy. Je regrette de lui avoir parlé trop durement. *Malahelo, manenina* aho fa niteny azy mafy loatra.

RÉGULARISATION, *sf.* Fandaminana, fanaovana araka ny lalána, —araka ny fanao.

RÉGULARISER, *va.* Mandamina, manao araka ny lalána, — araka ny fanao. — une dépense. *Mandamina* ny holanina. Régularisez cet acte. *Ataovy araka ny lalána, — araka ny fanao* io soratra io.

RÉGULARITÉ, *sf.* Filaminana, fifanarahana, fitoviana, fanarahana ny lalána. —ny didy, —ny fanao, — ny mety. Cet édifice est d'une grande —. *Milamina* tsara io trano io. Sa — est parfaite. *Manaraka* tsara *ny lalána, ny didy, ny fanao, ny mety* izy.

RÉGULATEUR, TRICE, *adj.* Mampifanaraka, mampitovy.

—, *sm.* Zavatra mampifanaraka, —mampitovy. Le — d'une horloge est le pendule. Ny kapily no *mampifanaraka, mampitovy* ny fandehan' ny famantaranandro.

RÉGULIER, IÈRE, *adj.* 1° Milamina, mifanaraka, mitovy, araka ny lalána, — ny didy, — ny fanao, — ny mety. Le mouvement de cette machine est —. *Milamina, mifanaraka, mitovy* ny fandehan' io milina io. Verbe —. Verba *manara-dalána*. C'est un religieux —. Relijiozy *manaraka ny didy* izy. La procédure a été régulière. Natao *araka ny lalána, — ny fanao* ny fomba fitsarana. Sa conduite est régulière. *Araka ny mety* ny fitondran-tenany. 2°—, Relijiozy, any ny relijiozy.

—, *sm.* Ny relijiozy.

RÉGULIÈREMENT, *adv.* Amim-pilaminana, amim-pifanarahana, amim-pitoviana, araka ny lalána, — ny didy, —ny fanao, —ny mety.

RÉHABILITATION, *sf.* Famerenana amy ny toetrany taloha indray, fampodiana —.

RÉHABILITER, *va.* 1° Mamerina amy ny toetrany taloha indray, mampody—. On l'a réhabilité dans sa noblesse. *Naverina, nampodina* tamy ny fahandrianany taloha *indray* izy. 2° *fig.* Mampahazo voninahitra indray. Cette action l'a réhabilité. Izany nataony izany *nampahazo voninahitra* azy *indray*.

Se réhabiliter, *vpr.* Mahazo voninahitra indray.

RÉHABITUER, *va.* Mankazatra indray.

Se réhabituer, *vpr.* Mihazatra indray.

REHAUSSEMENT, *sm.* Fanondrotana indray, fanandratana —, fanovonana —.

REHAUSSER, *va.* 1° Manondrotra indray, manandratra indray, manovona indray. — un mur. *Manondrotra*, etc., ampiantany *indray*. 2° *fig.* Mampisondrotra, mamelona indray, mampihiratra, mampamirapiratra. Le prix du blé est rehaussé. *Nisondrotra* ny vidim-barim-bazaha. Cette victoire rehaussa son courage. Izany fandresena izany *namelona indray* ny herim-po-

ny. Cette parure rehaussait sa bonne mine. Izany firavaka izany *nampihiratra* ny tarehiny. La modestie rehausse le mérite. Ny fanetren-tena *mampamirapiratra* ny fahamendrehana.

—, *vn*. Misondro-bidy indray. Le vin rehausse. *Misondro-bidy indray* ny divay.

RÉIMPORTATION, *sf*. Fampidirambarotra indray.

RÉIMPORTER, *va*. Mampidi-barotra indray.

RÉIMPOSER, *va*. Mampandoa hetra indray.

RÉIMPOSITION, *sf*. Fampandoavanketra indray.

RÉIMPRESSION, *sf*. Fanontana boky indray.

RÉIMPRIMER, *va*. Manonta indray. —un ouvrage. *Manonta* boky *indray*.

REIN, *sm*. 1° Voa. 2° —, *pl*. Valahana. Il a mal aux reins. Marary ao am-*balahany* izy.

REINE, *sf*. 1° Vadin'ny mpanjaka, mpanjakavavy. 2° *fig*. Ambony indrindra, voalohany. La rose est la — des fleurs. Ny vonin-draozy no *ambony indrindra*, etc., amy ny voninkazo rehetra.

REINE-CLAUDE, *sf*. Karazam-paisom-bazaha tsara dia tsara.

REINE-MARGUERITE, *sf*. Karazam-boninkazo.

REINETTE, *sf*. Karazam-paoma tsara dia tsara.

RÉINSTALLATION, *sf*. Fametrahana indray.

RÉINSTALLER, *va*. Mametraka indray.

RÉINTÉGRATION, *sf*. Famerenana indray, fametrahana —.

RÉINTÉGRER, *va*. Mamerina indray, mametraka —. On l'a réintégré dans ses biens. *Naverina* tamy ny fananany *indray* izy. On l'a réintégré dans ses fonctions. *Napetraka* tamy ny raharahany *indray* izy.

RÉITÉRATION, *sf*. Fanaovana indray, fanindraozana, famerenana.

RÉITÉRER, *va*. Manao indray, manindroa, mamerina. Réitérez votre question. *Ataovy indray, indraozy, avereno* ny fanontanianao.

REJAILLIR, *vn*. 1° Miboiboika, mifantsitsitra, miporitika, mitselatra, etc. Comme JAILLIR. 2° —, Miverina. La pierre a rejailli du mur sur un passant. Nidona tamy ny rindrina ny vato, ka *niverina* tamy ny mpandalo anankiray. 3° *fig*. Miverina, mihatra, manody. La gloire en rejaillit sur nous. *Miverina, mihatra* amintsika ny voninahitra avy amin'izany. Son déshonneur rejaillirait sur nous. Ny fahafaham-baráka hahazo azy *hiverina* amintsika, *hanody* antsika.

REJAILLISSEMENT, *sm* Fiboiboika, fifantsitsitra, fiporitika, fitselatra, etc.

REJET, *sm*. Tsy fandraisana, tsy fanekena, fandávana.

REJETABLE, *adj*. Tsy azo raisina, tsy azo ekena, tokony holavina. Excuse —. Fialan-tsiny *tsy azo raisina*, etc.

REJETER, *va*. 1° Manipy indray. Il rejeta le poisson dans l'eau. *Natsipiny* tany anaty rano *indray* ny hazandrano. 2°—, Manipy, mandoa. Ce que la mer rejette sur le rivage. Izay *atsipin'* ny ranomasina eny an-tanety. Il rejette tout ce qu'il prend. *Mandoa* izay rehetra haniny izy. 3°—, Mamindra. Rejetez ces détails à la fin du volume. *Afindrao* ao amy ny faran'ny boky ireo zavatra madinika ireo. 4°—, Misy solofo indray. Cet arbre rejette des branches par le pied. *Misy solofony indray* avy ao am-pototr'io hazo io. 5° *fig*. Tsy mandray, tsy manaiky, mandá. On rejeta son avis. *Tsy noraisina, tsy nekena, nolavina* ny heviny. Sur cent planches il en a rejeté vingt. Tamy ny hazo fisaka zato nisy roapolo no *tsy noraisiny*. Il rejette les miracles. *Mandá* ny fahagagana izy. 6°—, Mamindra, manilika. — une faute sur quelqu'un. *Mamindra* voina amin'olona, *manilika* amy ny hafa.

Se rejeter, *vpr*. Mifanipy.

REJETON, *sm* 1° Tsimoka, tsiry, taroka, sakelika, solofo, zanaka. Les rejetons du rosier. Ny *tsimoka, tsiry, taroka, sakeliky* ny foto-bonin-draozy. Le bananier se multiplie par rejetons. Mihamaro amy ny *zanany* ny akondro. 2° *fig*. Taranaka. Il est le — d'une illustre famille. *Taranak'* olo-malaza izy.

REJOINDRE, *va*. 1° Manakambana indray, manambatra —, mamitrana —. Voy. JOINDRE. 2°—, Mahatratra, manatona indray. Il nous rejoignit bientôt. *Nahatratra* haingana anay izy. Il est allé — l'armée. Lasa *nanatona* ny tafika *indray* izy.

Se rejoindre, *vpr.* 1° Mikambana indray, mitambatra —. 2° —, Mihaona indray.

REJOUER, *vn.* Milalao indray, miloka —. Il veut —. Te-*hilalao indray*, etc., izy.

—, *va.* Miloka indray, manao —. Il rejoue de vieux airs. *Manao* kalon' antitra *indray* izy.

RÉJOUI, IE, *adj.* Falifaly, ravoravo, sariadriaka, miramirana. Il a une figure réjouie. *Miramiran*-tarehy izy. Comme JOYEUX.

RÉJOUIR, *va.* Mahafaly, maharavo, mahamiramirana. Cela réjouit tout le monde. *Mahafaly*, etc., ny olona rehetra izany. La campagne le réjouit. *Mahafaly* azy ny any an-tsaha. Le vin réjouit le cœur. *Mahafaly*, etc., ny divay.

Se réjouir, *vpr.* Mifaly, faly, miravoravo, ravoravo. Je me réjouis de vous voir en bonne santé. *Faly, ravoravo* aho mahitanao salama tsy marofy.

RÉJOUISSANCE, *sf.* Fifaliana, firavoravoana, firobirobiana, robiroby. Voy. JOIE.

RÉJOUISSANT, ANTE, *adj.* Mahafaly, maharavo, mahamiramirana.

RELÂCHANT, ANTE, *adj.* Mampivalana kely.

—, *sm.* Zavatra mampivalana kely.

RELÂCHE, *sm.* Fijanonana, fialan-janona, fakana aina. Prenez un peu de —. *Mijanóna, mialà janona, makà aina* kely. La fièvre ne lui laisse pas de —. Tsy avelan' ny tazo *haka aina* izy.

—, *sf.* Fialan' ny sambo janona.

Sans relâche, *loc. adv.* Tsy an-kijanona. Il travaille sans —. Miasa *tsy an-kijanona* izy.

RELÂCHÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Ketraka, noketrahina, nihaketraka, mivalambalana. 2° —, Nalefa. 3° *fig.* Nihaketraka, nihena, nihakamo, niharatsy.

RELÂCHEMENT, *sm.* 1° Haketrahana, haketraka, fivalanana kely. Le — de la corde d'un arc. Ny *haketraky* ny tadin-tsipika. Les pruneaux causent du —. *Mampivalana kely* ny paisom-bazaha maina. 2° —, Fitoniana. 3° *fig.* Fihaketrahana, fihenána, fihakamoana, fiharatsiana. Il y a du — dans sa conduite. *Miharatsy* ny fitondran-tenany. 4° —, Fialan-tsasatra. L'esprit a besoin de —. Mila *fialan-tsasatra* ny saina.

RELÂCHER, *va.* 1° Manaketraka, mampivalana kely. — une corde. *Manaketraka* mahazaka. 2° —, Mandefa. — un prisonnier. *Mandefa* mpifatotra.

—, *vn.* 1° Mihaketraka, mihena, mihakamo. Il a relâché de sa ferveur. *Nihaketraka, nihena* ny fahazotoany, *nihakamo* izy. 2° —, Miala janona. Le vaisseau fut forcé de — au port voisin. Tery mba *hiala janona* tao amy ny seranana akaiky ny sambo.

Se relâcher, *vpr.* 1° Mihaketraka. 2° —, Mitony. Le temps se relâche. *Mitony* ny andro. 2° *fig.* Mihaketraka, mihena, mihakamo, miharatsy. Son zèle se relâche. *Mihaketraka, mihena* ny fahazotoany. Il se relâche dans le travail. *Mihakamo* amy ny asa izy.

RELAIS, *sm.* Soavaly hanoloana ny sasatra, trano fanoloana ny soavaly sasatra.

RELANCER, *va.* 1° Mamoaka indray. — le sanglier. *Mamoaka* ny lambo *indray*. 2° *fig.* Mamoritra. Ils sont venus me — chez moi. Tonga tao amiko *namoritra* ahy izy ireo.

RELAPS, APSE, *adj.* et *s.* Tonga heretika indray.

RÉLARGIR, *va.* Manalalaka. — un habit. *Manalalaka* akanjo.

RELATER, *va.* Milaza, mitantara.

RELATIF, IVE, *adj.* Momba, mifandray, mifamaly, mifanandrify. Cet article est — au premier. Izany zavatra izany *momba* ny voalohany, *mifandray*, etc., amy ny voalohany. Les termes de père et de fils sont des termes relatifs. Ny teny hoe ray sy zanaka dia teny *mifamaly*. Pronom —. Pronaona *mifandray* amy ny naona na pronaona mialoha.

RELATION, *sf.* 1° Fombána, fifandraisana, fifamaliana, fifanandrifiana. Ces deux choses n'ont point de — entre elles. Tsy *mifandray*, tsy *mifamaly*, tsy *mifanandrify* ireo zava-droa ireo. 2° —, Fifankahaizana, fifampitondran-javatra. Ils ont des relations ensemble. *Mifankahay, mifampitondra zavatra* izy ireo. J'ai avec lui des relations de commerce. *Mifampitondra varotra* izahay. 3° —, Filazana, tantara. Il a fait une — de ses voyages. *Nilazalaza, nitantara* ny dia nalehany izy.

RELATIVEMENT, *adv.* Momba, mifandray, mifamaly, mifanandrify.

RELAVER, *va.* Manasa indray.

RELAXATION, *sf.* Fandefahana, fandefasana.

RELAXÉ, ÉE, *adj.* Nihalefaka, nalefa. Muscles relaxés. Hozatra *nihalefaka*. Prisonnier—. Mpifatotra *nalefa*.

RELAXER, *va.* Mandefaka, mandefa.

RELAYER, *va.* Mampifandimby.

—, *vn.* Manolo soavaly.

Se relayer, *vpr.* Mifandimby.

RELÉGATION, *sf.* Fanaovana sesi-tany.

RELÉGUER, *va.* 1° Manao sesi-tany, mandroaka. Ils furent relégués dans une île. *Natao sesi-tany, noroahina* ho any amy ny nosy anankiray izy ireo. 2° *fig.* Mampihataka ho amy ny fitoerana mangingina.

Se reléguer, *vpr.* Mihataka ho amy ny fitoerana mangingina. Il s'est relégué à la campagne. *Nihataka* ho any an-tsaha izy.

RELEVAILLES, *sf. pl.* Fitsofan-drano ny tera-bao ao an-trano leglizy.

RELEVÉE, *sf.* Tapak'andro manaraka ny mitatao vovonana, folaka andro. A deux heures de—. Amy ny roa rahefa *folaka andro.*

RELEVÉ, ÉE, *adj.* 1° Ambony, lalina. Il est d'une condition relevée. *Ambony* toetra izy. Pensée relevée. Hevitra *lalina.* 2°—, Matsiro, fy. Mets relevés. Nahandro *matsiro,* etc.

—, *sm.* Fanakopiana, fanatontaliana, fanoratana. J'ai fait le—des dépenses de l'année. Efa *nokopiko, notontaliko* ny lany nandritra ny taona. J'ai fait le—des fautes de votre copie. Efa *notontaliko, nosoratako* ny diso rehetra tao amy ny kopinao.

RELÈVEMENT, *sm.* 1° Fananganana indray, fanarenana. 2° *fig* Fanatontaliana.

RELEVER , *va.* 1° Manangana indray, manarina, manainga, manondrotra, mampitraka. —une statue qui est renversée. *Manangana indray* ny sariolona nianjera. Relevez cet enfant qui est tombé. *Areno* io zazalahy lavo io. —un bâtiment. *Manarina* sambo. —un terrain. *Manondrotra* tokotany. — son manteau. *Manainga, manondrotra* ny kapaotiny. —la tête. *Mampitraka* ny loha; *fig.* mihamahery fo indray, mihasahy indray. 2°—, Mampahatsiro. Le vinaigre relève une sauce. Ny vinaingitra *mampahatsiro* ny ro. 3° *fig.* Mamelona indray, mampisondrotra indray, mampihiratra, mampamirapiratra, midera, mampiseho, manoro. Il releva le courage de ses soldats. *Namelona indray* ny herim-pon'ny miaramilany izy. Il a relevé sa famille. *Nampisondrotra indray* ny mpianakaviny izy. La parure relève sa mine. Ny haingo *mampihiratra* ny tarehiny. Sa modestie relève ses qualités. Ny fanetrentenany *mampamirapiratra* ny toe-panahiny. Il relève les qualités de ses amis. *Midera* ny toe-panahin'ny sakaizany izy. Il relève les fautes de cet auteur. *Mampiseho, manoro* ny diso nataon'io mpamorom-boky io izy. 4°—, Mamaly mafy, mandevilevy. —un mot blessant. *Mamaly mafy* ny teny maharary. —quelqu'un du péché de paresse. *Mandevilevy* olona noho ny hakamoany. 5°—, Manolo, manafaka. —une sentinelle. *Manolo* mpiambina. L'évêque l'a relevé de son vœu. Ny eveka *nanafaka* azy tamy ny voady nataony. 6° —, Maka sary. —des montagnes. *Maka sary* ny tendrombohitra.

—, *vn.* 1° Fehezina. Il ne relève que du roi. Tsy *fehezin'* olona afa-tsy ny mpanjaka izy. 2°—, Manaritra, sitrana. On ne croit pas qu'il en relève. Tsy azo antenaina *hanaritra, ho sitrana* izy. Il relève de maladie. *Manaritra, sitrana* izy.

Se relever, *vpr.* 1° Miarina, misondrotra indray. Il s'est relevé quatre fois cette nuit. *Niarina* inefatra izy halina. 2° *fig.* Miarina indray, misondrotra —. Après tant d'abaissement, on fut étonné de le voir se —. Ambany loatra ny toetrany, ka gaga ny olona nahita azy *tafarina, tafasondrotra indray.*

RELIAGE, *sm.* Fanisiana fehim-barika.

RELIEF, *sm.* 1° Fivohitra, fievotra. Cette médaille a beaucoup de —. *Mivohitra* tsara ity medaly ity. 2° *fig.* Famirapiratra. Son nouvel emploi lui donne du —. Ny raharaha vao azony *mampamirapiratra,* mahandriana azy.

RELIER, *va.* 1° Mamehy indray, mifehy indray. —un paquet. *Mamehy,* etc., entana *indray.* 2°—, Manao fonom-boky. —un livre. *Manao fonom-boky.* 3° —, Manisy fehy. —un tonneau. *Manisy fehy* ny barika anankiray. 4° *fig.* Manakambana. —deux quartiers par une route. Manao araben-dálana mba *hanakambana* fari-tany roa ao an-tanána.

Se relier, *vpr.* Mikambana. Son procès se relie à une ancienne affaire. Ny adiny *mikambana* amy ny raharaha anankiray taloha.

RELIEUR, *sm.* Mpanao fonom-boky.

RELIGIEUSEMENT, *adv.* 1° Araka ny fivavahana. 2°—, Amim-pahazotoana.

RELIGIEUX, EUSE, *adj.* 1° Momba ny fivavahana. Des chants—. Hira *momba ny fivavahana.* 2°—, Mivavaka, tia vavaka. C'est un homme—. Lehilahy *mivavaka*, etc., izy. 3°—, Mazoto. Il est — observateur de sa parole. *Mazoto* manatanteraka ny teny napetrany izy. 4°—, Any ny relijiozy. L'habit —. Ny akanjon' *ny relijiozy.*

—, *s.* Relijiozy, olona misaraka amin' izao tontolo izao.

RELIGION, *sf.* 1° Fivavahana, ny momba ny fivavahana, vavaka, fitiavam-bavaka. La — catholique. Ny *fivavahana* katolika. Il ne connait pas sa —. Tsy mahalala *ny momba ny fivavahana* arahiny izy. Il a de la —. *Mivavaka, tia vavaka* izy. 2°—, Fomban' ny relijiozy. Il est entré en —. Nilatsaka ho *relijiozy* izy.

RELIQUAIRE, *sm.* Vata kely itahirizana ny sisa avy amy ny olo-masina.

RELIQUAT, *sm.* 1° Trosa sisa tsy voaloa. 2°—, Fakan' aretina, farasisa.

RELIQUATAIRE, *s.* Olona mbola tsy afa-kitra.

RELIQUE, *sf.* Sisan-taolan' ny olo-masina, sisa avy amy ny olo-masina.

RELIRE, *va.* Mamaky teny indray.

RELIURE, *sf.* Fanaovana fonom-boky, fonom-boky.

RELOUER, *va.* 1° Mampanofa indray. 2°—, Mampanofa ny nohofana.

RELUIRE, *vn.* 1° Mamirapiratra, manjelajelatra, mangirangirana. L'or reluit. *Mamirapiratra, manjelajelatra* ny volamena. 2° *fig.* Mamirapiratra. La vertu reluit davantage dans l'adversité. *Mamirapiratra* kokoa ny hatsarampanahy raha ao anatin' ny fahoriana.

RELUISANT, ANTE, *adj.* Mamirapiratra, manjelajelatra, mangirangirana, mandina, manganohano, mangilohilo, mibilontrilona. Comme LUISANT.

REMÂCHER, *va.* 1° Mitsako indray. 2° *fig.* Mandinika indray.

REMANIEMENT ou **REMANIMENT,** *sm.* Fanamboarana, fanaovana indray.

REMANIER, *va.* 1° Mitsapatsapa, mandrairay, mamadibadika. — cent fois un objet. *Mitsapatsapa*, etc., zavatra anankiray injato kely. 2°—, Manamboatra, manao indray. — un toit. *Manamboatra* tafon-trano, *manao* tafon-trano *indray.* — un ouvrage. *Manamboatra* laha-tenim-boky.

REMARIER, *va.* Mampanambady indray.

Se remarier, *vpr.* Manambady indray.

REMARQUABLE, *adj.* Mora fantatra, mahagaga, fatratra, malaza. Il est — par les cicatrices qu'il a au visage. *Mora fantatra* noho ny holatra ao amy ny tarehiny izy. Il a un talent —. *Mahagaga, fatratra* ny halalinan-tsainy. C'est un homme —. Lehilahy *malaza* izy.

REMARQUABLEMENT, *adv.* Mahagaga, izaitsizy, aoka izany. Elle est— laide. *Mahagaga* ny haratsian-tarehiny, ratsy tarehy *izaitsizy, aoka izany* izy.

REMARQUE, *sf.* Fahitana, fijerena, fandinihana, filazana, fivoasana. J'en ai fait la —. Efa *nahita, nijery, nandinika, nilaza* izany aho. Lisez les remarques du livre. Vakio ny *fivoasana* ao amy ny boky.

REMARQUER, *va.* 1° Manisy marika indray. — d'un autre signe. *Manisy marika* hafa *indray.* 2°—, Mahita, mijery, mandinika, mamantatra, mahafantatra. Il a remarqué des défauts dans cet ouvrage. *Nahita* zavatra tokony hotsinina tamin' io boky io izy. Remarquez la hauteur de ce clocher. *Jereo* ny hahavon' io tranon-dakolosy io. Remarquez bien ce chapitre. *Diniho* tsara io toko io. Je l'ai remarqué dans la foule. *Namantatra, nahafantatra* azy tao afovoan' ny vahoaka aho.

Se remarquer, *vpr.* Hita, jerena, dinihina.

REMBALLER, *va.* Mangorona entana.

REMBARQUEMENT, *sm.* Fanondranana indray.

REMBARQUER, *va.* Manondrana indray. — des troupes. *Manondrana* miaramila *indray.*

Se rembarquer, *vpr.* 1° Miondrana indray. 2° *fig.* Manao mosalahy indray.

REMBARRER, *va.* Manohitra mafy.

REMBLAI, *sm.* Tany notaomina, fitaoman-tany, fanotofana.

REMBLAYER, *va.* Mitaon-tany, manototra. — un creux. *Manototra* ny lempona.

REMBOÎTEMENT, *sm.* Fampodiantaolana nipitsoka, fanakambanana indray.

REMBOÎTER, *va.* Mampody taolana nipitsoka, manakambana indray.

REMBOURREMENT, *sm.* Fanesehana.

REMBOURRER, *va.* Manesika. — un fauteuil. *Manesika* sezabe.

REMBOURSABLE, *adj.* Tsy maintsy haloa, azo aloa, tsy maintsy haverina, azo averina, tsy maintsy honerana, azo onerana.

REMBOURSEMENT, *sm.* Fandoavana, famerenana, fanonerana.

REMBOURSER, *va.* Mandoa, mamerina, manonitra. — une somme. *Mandoa* vola. — un cautionnement. *Mamerina* antoka. On l'a remboursé de ses frais. *Nonerana* ny laniny.

Se rembourser, *vpr.* Maka tombanjavatra.

REMBRUNI, IE, *adj.* 1° Nomatrohina, matroka, novasohina, vasoka. 2° *fig.* Malahelo, manjombona.

REMBRUNIR, *va.* 1° Manamatroka, manavasoka. — une étoffe. *Manamatroka*, etc., lamba. 2° *fig* Mampanjombona.

Se rembrunir, *vpr.* 1° Mihamatroka, mihavasoka. 2° *fig.* Mihamalahelo, mihamanjombona. Son visage se rembrunit. *Mihamalahelo*, etc., endrika izy. Le ciel se rembrunit. *Mihamanjombona* ny lanitra.

REMBRUNISSEMENT, *sm.* Hamatroka, havasoka.

REMÈDE, *sm.* 1° Fanafody, ody. — efficace. *Fanafody* mahomby. — pour la toux. *Fanafody*, etc., kohaka. Maladie qui guérit sans —. Aretina sitrantsy *miody*. 2° *fig.* Fanafody, ody. L'espérance est le — contre la tristesse. Ny fanantenana no *fanafodin'* ny alahelo, no *ody* alahelo.

REMÉDIER, *vn.* 1° Manisy fanafody, — ody. — au mal. *Manisy fanafody*, etc., ny aretina. 2° *fig.* Fanafody. La sagesse remédie aux troubles de l'âme. Ny fahendrena no *fanafodin'* ny fitebiteben' ny fo.

REMÊLER, *va.* Mampifangaro indray, mipasoka —.

REMÉMORER, *va.* Mampahatsiaro.

Se remémorer, *vpr.* Mahatsiaro.

REMENER, *va.* Manatitra indray, mitondra mody. Remenez cet enfant à son père. *Atero indray, ento mody* any amin-drainy io zaza lahy io.

REMERCIEMENT ou **REMERCÎMENT,** *sm.* Fisaorana, saotra. Recevez mes remerciements. Raiso ny *fisaorana*, etc., ataoko aminao.

REMERCIER, *va.* 1° Misaotra. Il ne m'a pas remercié. Tsy *nisaotra* ahy izy. Il voulait me donner une montre, mais je l'ai remercié. Nitady hanome famantaranandro ahy izy, fa *nisaotra* azy aho. 2° —, Manaisotra. J'ai remercié trois employés. *Nanaisotra* mpanao raharaha telo lahy aho.

REMETTRE, *va.* 1° Mametraka indray, mamerina, mampody, manao indray, mametraka, manolotra, manankina. Remettez ce livre à sa place. *Apetraho indray, avereno, ampodio* amy ny fitoerany io boky io. On lui a remis sa montre qui lui avait été volée. *Naverin'* olona taminy ny famantaranandrony very. — à la voile. *Mamelatra* lain-tsambo *indray*. Je lui ai remis la lettre en main propre. *Napetrako, natolotro* teo an-tánany ny taratasy ampitondraina. Je vous remets le soin de cette affaire. *Apetrako, ankiniko* aminao ny fikarakarana izany raharaha izany. 2° —, Manamboatra, mahasitrana, mampahatsiaro, mampionona, mampifanaraka indray. Le docteur lui a remis la jambe. Ny dokotera *nanamboatra* ny ranjony. L'usage du lait l'a remis. *Nahasitrana* azy ny ronono. Je lui ai remis cette affaire devant les yeux. *Nampahatsiaroviko* izany raharaha izany izy. Ce que vous lui avez dit l'a remis de la frayeur qu'il éprouvait. Izay voalazanao taminy *nampionona* ny tahotra nahazo azy. Il les a remis bien ensemble. *Nampifanaraka* azy ireo tsara *indray* izy. 3°—, Mamindra, manemotra, mahafoy, mamela. On a remis cette affaire à demain. *Nafindra, nahemotra* ho rahampitso izany raharaha izany. Je lui ai remis le tiers de sa dette. *Nafoiko* taminy ny ampahatelon' ny trosako. Dieu seul a le pouvoir de

— les péchés. Andriamanitra irery no manam-pahefana *hamela* ny fahotana.

Se remettre, *vpr.* 1° Mipetraka indray, miverina, mody, manao indray, mametraka aina, manolo-tena, mananikina, manaraka. Remettez-vous à table. *Mipetraha indray* hianao ao amy ny latabatra. Remettez-vous au lit. *Miverena* mandry. Remettez-vous dans les rangs. *Miverena, modia* amy ny laharanareo. Se — au travail. *Miasa indray.* Se — à l'étude. *Mianatra indray.* Il se remit entre les mains de Dieu. *Nametraka aina, nanolo-tena* teo am-pelatánan' Andriamanitra izy. Je m'en remets à vous. *Ankiniko* aminao izany. Je m'en remets à sa décision. *Hanaraka* ny fandidiany aho. 2°—, Manaritra, manonitra, mahatsiaro, mionona, mifanaraka indray. Il s'est remis de sa maladie. *Nanaritra* tamy ny aretiny izy. Il s'est remis de ses pertes. *Nanonitra* ny fatiantony izy. Je me remets fort bien cette personne. *Tsaroako* tsara izany olona izany. Elle se remet de son affliction. *Mionona* ny alahelony. Il s'est bien remis avec lui. *Nifanaraka* tsara taminy *indray* izy.

REMEUBLER, *va.* Manisy fanaka indray. — sa maison. *Manisy fanaka indray* ao an-tranony.

Se remeubler, *vpr.* Manisy fanaka indray ao an-tranony.

RÉMINISCENCE, *sf.* Fahatsiarovana. J'en ai quelque—. *Tsaroako* kely hiany izany.

REMISE, *sf.* 1° Famerenana, fanolorana. Je lui ai fait la — du gage. *Naveriko* taminy ny fampitanana. Je lui ai fait la — des fonds que vous m'aviez confiés. Efa *natolotro* azy ny vola napetrakao tamiko. 2°—, Famindrana, fanemorana, fahafoizana, famelana. Il lui a accordé dix jours pour toute—. *Nafindra, nahemotra* hafoloan' andro hiany izany. Il m'a fait une — de trois pour cent. *Nahafoizany, namelany* telo isan-jato aho. Le roi lui a fait — de l'amende. *Navelan'* ny mpanjaka ny saziny. 3°—, Trano fametrahan-kalesy.

REMISER, *va.* Mametraka kalesy ao amy ny trano fitoerany.

RÉMISSIBLE, *adj.* Azo avela. Ce crime n'est pas —. Tsy *azo avela* izany heloka izany.

RÉMISSION, *sf.* 1° Famelana. Il a obtenu de Dieu la — de ses péchés. Nahazo *famelan*-keloka tamin' Andriamanitra izy. 2°—, Famindram-po. Un homme sans —. Lehilahy tsy *mamindra fo.* 3°—, Fihenána. Il y a de la — dans sa fièvre. *Nihena* ny tazony.

RÉMITTENT, ENTE, *adj.* Misy fihenána.

REMMAILLOTTER, *va.* Mamono lamban-jaza indray.

REMMANCHER, *va.* Manisy zarana indray.

REMMENER, *va.* Mitondra mody, — miverina. Il a remmené son fils. *Nitondra nody, — niverina* ny zanany izy.

REMONTAGE, *sm.* Fanisiana tampony sy faladia tapaka amy ny baoty, fanoloana, famahanana.

REMONTE, *sf.* Fanoloana ny soavalin' ny miaramila mpitangin-tsoavaly.

REMONTER, *vn.* 1° Miakatra indray. Il est remonté dans sa chambre. *Niakatra indray* tao amy ny efi-tranony izy. 2° —, Misondrotra, miorika, mihemotra. Le baromètre remonte. *Misondrotra* ny barometra. Dans la balance quand un des côtés s'abaisse, l'autre remonte. Raha mitambotsotra ny ila mizana, *misondrotra* kosa ny ilany. La digue fait — l'eau. Ny toho-drano *mampiorika, mampihemotra* ny rano. 3° *fig.* Misondrotra, mody, miantomboka, manomboka. La rente remonte. *Misondrotra* ny vidin' ny zana-bola omen' ny fanjakana. Il est remonté sur le trône. *Nody* tamy ny fanjakany izy, tonga mpanjaka indray izy. Pour raconter cette histoire, il est remonté au déluge. Mba hitantara izany dia *niantomboka, nanomboka* lavitra loatra izy. Sa noblesse remonte à Saint Louis. *Miantomboka* aminy Md. Louis ny fiandrianany.

—, *va.* 1° Miakatra indray. — la montagne. *Miakatra* ny tendrombohitra *indray.* 2° —, Miorika. Il remonta la rivière. *Nioriha* ny renirano izy. 3°—, Manisy fanaka indray, manisy tampon-kiraro sy faladia tapaka, manolo soavaly, — hazom-basy, — tadin-dokanga, mamahana indray. — sa maison de meubles. *Manisy fanaka indray* ao an-tranony. — des bottes. *Manisy tampony sy faladia tapaka* amy ny baoty. — la cavalerie. *Manolo ny soavalin'* ny miaramila mpitaingin-tsoavaly. — un fusil

Manolo hazom-basy. — un violon. *Manolo tadin*-dokanga. — une montre. *Mamahana* famantaranandro *indray*. 4° *fig*. Mamelona indray. Il lui remonta le courage. *Namelona* ny herimpony *indray* izy.

Se remonter, *vpr*. Mamonona indray.

REMONTOIR, *sm*. Faham-bodim-pamantaranandro. Montre à —. Famantaranandro *faham-body*.

REMONTRANCE, *sf*. Fananarana, anatra. Faire des remontrances. *Mananatra*.

REMONTRER, *va*. Mananatra.

Se remontrer, *vpr*. Miseho indray.

REMORDRE, *va*. Manaikitra indray. —, *vn*. Mamely indray. Les soldats ont tant souffert qu'ils ne veulent plus —. Voa mafy loatra ny miaramila ka tsy mety *mamely indray*.

REMORDS, *sm*. Nenina, eritreritra, fanindronan' ny eritreritra. Il éprouve de violents —. Asiun' ny *nenina* mafy izy, mamely mafy azy ny *eritreriny*. Les méchants tâchent d'étouffer les — de leur conscience. Ny ratsy fanahy mikely aina hanindry ny *fanindronan' ny eritreriny*.

REMORQUE, *sf*. Fitarihan-tsambo.

REMORQUER, *va*. Mitarika sambo.

REMORQUEUR, *sm*. Sambo mpitarika sambo.

REMOUDRE, *va*. Mitoto indray. — du café. *Mitoto* kafe *indray*.

REMOUILLER, *va*. Mandena indray.

RÉMOULEUR, *sm*. Mpanasa antsy, — hety.

REMOUS, *sm*. Ranomody.

REMPAILLAGE, *sm*. Fandrariana mololo indray amy ny seza.

REMPAILLER, *va*. Mandrary mololo indray amy ny seza.

REMPAILLEUR, EUSE, *s*. Mpandrary mololo indray amy ny seza.

REMPARER (SE), *vpr*. Manao fefy hiarovan-tena.

REMPART, *sm*. 1° Mánda. 2° *fig*. Fiarovana. Le courage est le meilleur des remparts. Ny herim-po no *fiarovana* ambony indrindra.

REMPLAÇANT, ANTE, *s*. Mpisolo, solo. Voici son —. Intý ny *mpisolo* azy, ny *solony*.

REMPLACEMENT, *sm*. Fisoloana, fanoloana. Il faut pourvoir au — du juge. Tokony hitady olona *hisolo* ny mpitsara. J'ai cassé ce miroir, en voici un autre en —. Vakiko io fitaratra io, ka intý ny hafa *hanoloana*, *hasolo* azy.

REMPLACER, *va*. Misolo, manolo. Son fils le remplace dans son emploi. Ny zanany no *misolo* azy amy ny raharahany. Il est difficile de — ce capitaine. Sarotra ny *manolo* io kapiteny io. Il a remplacé les chaises par un canapé. *Nosoloany* sofa ny seza. La paix de l'âme est un bien que rien ne remplace. Tsy misy zavatra *mahasolo* ny fiadanampo.

Se remplacer, *vpr*. Mifampisolo, mifanolo, soloana.

REMPLI, *sm*. Lefi-damba.

REMPLI, IE, *p*. et *adj*. 1° Feno, nofenoina. 2°—. Tototra, voatototra, nototofana, natao tratrankala. 3° *fig*. Feno, nofenoina, be, henika. Terrain — de pierres. Tany *feno*, *be* vato. 4°—, Natao, tanteraka, notanterahina. 5°—, Lany, nolanína.

REMPLIER, *va*. Mandefitra lamba hanafohy azy.

REMPLIR, *va*. 1° Mameno. — un tonneau. *Mameno* barika. Il remplit ses coffres d'argent. *Mameno* vola ny lalomoarany izy. 2°—, Manototra, manao tratrankala. — un fossé. *Manototra* hady. Remplissez cette dentelle. *Ataovy tratrankala* io dantely io. 3° *fig*. Mameno, manenika, manerana. Les étrangers remplissent l'hôtel. *Feno* vahiny ny tranom-bahiny. La fumée remplit la chambre. Ny setroka *manenika* ny efitra. Il a rempli la terre de son nom. *Nanerana* ny tany rehetra ny lazany. Cette nouvelle a rempli nos cœurs de tristesse. Izany zava-baovao izany *nameno* alahelo ny fontsika. 4°—, Manao, manatanteraka, mahavita. Il est digne de la place qu'il remplit. Mendrika ny raharaha *ataony* izy. Il a bien rempli ses obligations. *Nanatanteraka*, *nahavita* tsara izay tsy maintsy hataony izy. 5°—, Mandany. Il remplit bien son temps. *Mandany* tsara ny androny izy.

Se remplir, *vpr*. 1° Mihafeno. Ma maison se remplit de monde. *Mihafeno* olona ny tranoko. 2°—, Miboboka, miletra. Se — de vin. *Miboboka* divay. Se — de viandes. *Miletra* hena.

REMPLISSAGE, *sm*. 1° Famenoana. 2°—, Tratrankala. 3°—, Famenony fa-

na, fanampiny —. Il y a beaucoup de — dans cet ouvrage. Be *famenony foana*, etc., io boky io.

REMPLISSEUSE, *sf.* Mpanao tratrankala.

REMPLOYER, *va.* Manao indray, manisy —.

REMPLUMER, *va.* Manisy volom-borona indray.

Se remplumer, *vpr.* 1° Maniry volo indray. Les oiseaux se remplument. *Maniry volo indray* ny vorona. 2° *fig.* Mahazo indray. Ce commerçant se remplume. *Mahazo indray* io mpivarotra io. 3°—, Mahazo nofo indray.

REMPOCHER, *va.* Mampiditra ampaosy indray. Il rempocha son argent. *Nampidiriny am-paosy indray* ny volany.

REMPORTER, *va.* 1° Mitondra mody, — miverina. Remportez votre argent. *Ento mody*, etc., ny volanao. 2°—, Mahazo. Il a remporté le prix. *Nahazo* ny valisoa izy.

REMUAGE, *sm.* Fangaroana.

REMUANT, ANTE, *adj.* 1° Mihetsiketsika, mipelipelika, mihavatravatra, mihefikefika, mitrifantrifana. Enfant —. Zaza *mihetsiketsi*-dava, etc. 2° *fig.* Mampitabataba, mampikotana. Un esprit —. Olona *mampitabataba*, etc.

REMUE-MÉNAGE, *sm.* 1° Famindrana entana maro. 2°—, Tabataba.

REMUEMENT ou **REMÛMENT,** *sm.* 1° Fihetsiketsehana. 2° *fig.* Tabataba.

REMUER, *va.* 1° Manetsika, mangaro, mamindra. Ne remuez pas le bras. Aza *manetsiketsi*-tsandry. On a remué cette table. Nisy *nanetsika* io latabatra io. —du riz qu'on fait sécher. *Mangaro* vary mihahy. — de la terre. *Mamindra* tany. 2° *fig.* Manetsika, mampihetsika ny fo, mampientana ny fo. Ne remuez pas cette affaire. Aza *manetsika* izany raharaha izany. Il remue les auditeurs. *Mampihetsika, mampientana ny fon'* ny mpihaino izy. 3°—, Mampitabataba, mampikotana. Il remue le peuple. *Mampitabataba*, etc., ny vahoaka izy.

—, *vn.* Mihetsika, mipelipelika, mihavatravatra, mihefikefika, mitrifantrifana. Il n'est pas mort, il remue encore. Tsy maty izy, fa mbola *mihetsika*. Cet enfant remue sans cesse. *Mihetsiketsika*, etc., lalandava ity zazalahy ity.

Se remuer, *vpr.* 1° Mihetsika. Comme Se mouvoir. 2° *fig.* Miheninkenina, mipopóka. Il s'est beaucoup remué pour cette affaire. *Niheninkenina, nipopóka* fatratra tamin' izany raharaha izany izy.

RÉMUNÉRATEUR, TRICE, *s.* Mpamaly soa. Dieu est le — de la vertu. Andriamanitra no *mpamaly soa* ny hatsaram-panahy.

—, *adj.* Mamaly soa, mampahazo tombony. Industrie rémunératrice. Taozavatra *mampahazo tombony*.

RÉMUNÉRATION, *sf.* Valisoa.

RÉMUNÉRATOIRE, *adj.* Atao ho valisoa. Don —. Fanomezana *atao ho valisoa*.

RÉMUNÉRER, *va.* Mamaly soa.

RENAISSANCE, *sf.* 1° Fahaterahana indray. 2°—, Faniriana indray, fiposahana —, fisehoana —, fandrosoana —.

RENAISSANT, ANTE, *adj.* Maniry indray, miposaka —, miseho —, mandroso —.

RENAÎTRE, *vn.* 1° Teraka indray. Nous renaissons tous par le baptême. *Teraka indray* amy ny batemy isika rehetra. 2°—, Maniry indray, miposaka —, miseho —, mandroso —. Au printemps les arbres renaissent. Raha lohataona *maniry indray* ny hazo. Le jour renaît. *Miposaka, miseho indray* ny andro. L'industrie renaît. *Mandroso indray* ny taozavatra.

RÉNAL, ALE, *adj.* Ao am-balahana. Nerfs rénaux. Hozatra *ao am-balahana*.

RENARD, *sm.* 1° Karazan'amboahaolo, 2° *fig.* Fetsilahy, konjolahy.

RENARDE, *sf.* Amboahaolovavy.

RENARDEAU, *sm.* Zanak' amboahaolo.

RENARDIÈRE, *sf.* Lavak' amboahaolo.

RENCAISSAGE, *sm.* Fametrahana amy ny kesika indray.

RENCAISSER, *va.* Mametraka amy ny kesika indray. — des oranges. *Mametraka* foto-boasary *amy ny kesika indray.*

RENCHÉRIR, *va.* Mahalafo, mahasarotra, mampisondro-bidy. La mauvaise récolte renchérit les denrées. Ny tsy fahavokaran-javatra *mahalafo*, etc., ny varotra.

—, *vn.* 1° Mihalafo, mihasarotra, mison-

dro-bidy. Tout renchérit. *Mihalafo*, etc., ny zavatra rehotra. 2° *fig*. Mihoatra. Il renchérit sur lui. *Mihoatra* azy izy. Comme Enchérir.

RENCHÉRISSEMENT, *sm*. Halafosana, hasarotana, tisondrotam-bidy.

RENCOGNER, *va*. Manosika ho amy ny zoro.

Se rencogner, *vpr*. Miampirina amy ny zoro.

RENCONTRE, *sf*. 1° Fifanenána, fitsenána, fihaonana, zavatra sendrasendra, fanambinana. J'ai fait la — de votre ami. *Nifanena, nihaona* tamy ny sakaizanao aho. J'évite sa —. Manao izay tsy *hifanenako, hihaonako* aminy aho. Allez à sa —. Mandehana *mitsena* azy. Marchandise de —. Varotra *sendrasendra*. Je ne pensais pas avoir une si heureuse —. Tsy nampoiziko *hoambinina* toy izany aho. 2°—, Ady tsy nampoizina, — samy irery. La — fut meurtrière. Be no maty tamin' izany *ady tsy nampoizina* izany. La — eut lieu dès le matin. Natao raha vao marainakoa ny *ady samy irery*. 3°—, Toetra, toe-draharaha, fotoana. Voy. Conjoncture, Occasion.

RENCONTRER, *va*. Mifanena, mihaona, mifanojo, tojo, mifanehatra, sehatra, sendra, ambinina, tohatra, sendra mahita. Je l'ai rencontré sur mon chemin. *Nifanena, nihaona, nifanojo* taminy, *tojo, sehatra, sendra* azy tao an-dálana aho. En creusant ce fossé on a rencontré le roc. Tamy ny nihadiana io hady io dia *sendra* vatolampy. Il voulait une femme raisonnable, il a mal rencontré. Nitady vehivavy hendry izy, kanjo tsy *ambinina*, kanjo *tohatra* ny fangangan' olona J'ai rencontré ce livre chez mon ami. *Sendra nahita* io boky io tao amy ny sakaizako aho. Il a rencontré juste dans ses conjectures. *Sendra nahita* marina tamy ny vinany nataony izy.

Se rencontrer, *vpr*. 1° Mifanena, mihaona, mifanojo, mifanehatra. 2°—, Mifanen-kevitra. Nous nous sommes rencontrés. *Nifanena ny hevitsika*. 3°—, Hita, misy. Cela ne se rencontre pas tous les jours. Tsy *hita*, tsy *misy* isan' andro izany.

RENDEMENT, *sm*. Ny azo avy amy ny vokatra. Cette année le— du blé est considérable. Tamin'ito, be ny *lafarina azo* tamy ny varim-bazaha.

RENDETTER (SE), *vpr*. Mitrosa indray.

RENDEZ-VOUS, *sm*. 1° Fotoana. Ne manquez pas au—. Aza mandiso *fotoana*. Assigner un — à quelqu'un. *Mamotoana* olona. J'ai un — à deux heures. Manam-*potoana*, efa *nifamotoana* amin'olona aho amy ny roa. 2°—, Fihaonana. Ce bois est le — de tous les voleurs. Itsy ala itsy no *fihaonan'* ny mpangalatra rehetra.

RENDORMIR, *va*. Mampatory indray.

Se rendormir, *vpr*. Matory indray.

RENDRE, *va*. 1° Mamerina. Il a rendu la somme qu'il avait volée. *Namerina* ny vola nangalariny izy. 2°—, Mitondra, manatitra. J'ai rendu le paquet à domicile. *Nentiko, nateriko* tao an-tranony ny entana. 3° *fig*. Mivalana, mandoa. Il a rendu les aliments comme il les a pris. *Nivalana* izy ka tsy niova tsy nivalivaly ny hanina nohaniny. Il a rendu son déjeûner. *Nandoa* ny sakafo nohaniny izy. 4°—, Mahavokatra, mampahazo, miteraka. Cette terre rend beaucoup. *Mahavokatra* fatratra io tany io. Sa terre lui rend dix mille francs par an. *Mampahazo* azy roa arivo isan-taona ny taniny. Son argent lui rend dix pour cent. *Miteraka* ariary folo isan-jato ny volany. Cette orange rend beaucoup de jus. *Mitera*-drano be io laoranjy io. Cette fleur rend une odeur agréable. *Miteraka* fofona manitra io voninkazo io. 5° —, Manome, mamaly, mamerina, mampiseho, mamoaka, mandika, mampandre. — gloire à Dieu. *Manome* voninahitra an' Andriamanitra. Rendez le bien pour le mal. *Valio* soa ny ratsy. Cette glace rend bien les objets. *Mamerina, mampiseho* tsara ny zavatra io fitaratra io. L'écho rend les sons. Ny ako *mamerina* ny feo. Ce portrait rend bien votre figure. *Mampiseho* tsara ny tarehinao io sary io. Il rend clairement sa pensée. *Mamoaka* mazava ny heviny izy. Le juge a rendu la sentence. Ny mpitsara *namoaka* ny teny fitsarana. Il a rendu ce verset mot à mot. *Nandika* ity andininy ity araka ny teny tsirairay izy. Cet harmonium rend des sons harmonieux. *Mamoaka, mampandre* feo mahafinaritra io armonia io. 6°—, Manolotra. — les armes. *Manolotra* fiadiana. 7° —, Mahatonga, mampody, maha...., mampa ...., man...., mi..... Ses victoires l'ont rendu maître d'un vaste pays.

Ny fandresena nataony no *nahatonga* azy ho tompon' ny fari-tany lehibe. Ce remède lui a rendu les forces. Izany fanafody izany no *nampody* ny tanjany. Ce remède l'a rendu à la vie. Izany fanafody izany no *nah*avelona azy. Le malheur l'a rendu sage. *Nampa*hendry azy ny fahoriana. Rendre visite à quelqu'un. *Ma*mangy olona. — réponse. *Mamaly*. — grâce. *Mi*saotra. — la justice. *Mitsara*.

—, *vn*. Mankany. Ce chemin rend à la ville. *Mankany* an-tanána ity lálana ity.

Se rendre, *vpr*. 1° Miverina, mankany. Il se rend à son bord. *Miverina* antsambo izy. Il se rend en Angleterre. *Mankany* Englanda izy. Les fleuves se rendent à la mer. *Mankany* amy ny ranomasina ny ony. 2° *fig*. Manolo-tena, mitolo-batana, manaiky, miaiky, mikoy. La ville s'est rendue. *Nanolo-tena, nanaiky, nikoy* ny tanána. Ils se rendirent aux ennemis. *Nanolo-tena, nitolo-batana* tamy ny fahavalo izy ireo. Il s'est rendu à la raison. *Nanaiky, niaiky* ny marina izy. 3°—, Tonga. Les ennemis se sont rendus maitres de la ville. Ny fahavalo no *tonga* tompon'ny tanána. Il s'est rendu malade. *Tonga* narary izy.

RENDU, UE, *adj*. 1° Trotraka, torovana. Je suis —. *Trotraka*, etc., aho. 2°—, Tonga. Enfin nous voici rendus. Amy ny farany dia *tonga* isika.

RENDURCIR, *va*. Manamafy.

Se rendurcir, *vpr*. Mihamafy.

RÊNE, *sf*. 1° Kofehin-damboridy. 2° *fig*. Les rênes de l'Etat. Ny fitondram-panjakana.

RENÉGAT, ATE, *s*. Mpivadika ny fivavahana kristiana.

RENFERMÉ, *sm*. Maimbo lao. Il y a une odeur de — dans cette chambre. Misy fofona *maimbo lao* ato an'efitra.

RENFERMER, *va*. 1° Manidy, mampihiboka, mampifahy. — un fou. *Manidy*, etc., adala. 2°—, Misy. L'épi renferme un grand nombre de grains. Ny salohim-bary anankiray *misy* voa betsaka. 3°—, Mamaritra. Il a renfermé son discours en deux points. *Namaritra* ny laha-teniny tamy ny foto-kevitra roa izy.

Se renfermer, *vpr*. 1° Mihidy, mirindrin-trano, mihiboka, mifahy. 2° *fig*. Tsy milaza afa-tsy. Il s'est renfermé dans son sujet. *Tsy nilaza afa-tsy* ny tena zavatra nodinihina izy.

RENFLEMENT, *sm*. Fivonto, fivohitra, fibontana.

RENFLÉ, ÉE, *adj*. Mivonto, mivohitra, mibontana, kibotaina. Colonne renflée. Andry *mivohitra, kibotaina*. Tige renflée. Tahon-java-maniry *mivohitra, mibontana*.

RENFLER, *vn*. Mivonto. La pâte a bien renflé. *Nivonto* fatratra ny koban-dafarina.

—, *va*. Mampivonto.

RENFONCEMENT, *sm*. 1° Fitsopahana. Placez le poêle dans le —. *Atsopaho* ao ny fatam-by. 2°—, Fanemorana, fampihemorana.

RENFONCER, *va*. 1° Mandentika indray na kokoa, mandetra indray na kokoa, etc. Renfoncez ce clou. *Alenteho indray, — kokoa* io fantsika io. Voy. Enfoncer. 2°—, Manemotra, mampihemotra. Renfoncez cette ligne. *Ahemory, ampihemory* ity andalan-tsoratra ity.

RENFORCÉ, ÉE, *p*. et *adj*. 1° Mafy, nohamafisina, nampitomboina. Etoffe renforcée. Lamba *mafy*. 2°—, Izaitsizy, Sot —. Adala *izaitsizy*.

RENFORCEMENT, *sm*. Fanamafisana, hamafy, hamafisana, fampitomboana, fitomboana.

RENFORCER, *va*. Manamafy, mampitombo. — une poutre. *Manamafy* sakamandimby. — sa voix. *Manamafy* ny feony. — des troupes. *Mampitombo* ny miaramila. — la dépense. *Mampitombo* ny lanína.

Se renforcer, *vpr*. Mihamafy, mitombo, mihamahay. Il se renforce dans le calcul. *Mihamahay* marika izy.

RENFORT, *sm*. Fanampy. Le général attend un —. Miandry miaramila *fanampiny* ny jeneraly.

RENGAGEMENT, *sm*. Filatsahan-tenany indray.

RENGAGER, *va*. 1° Mamotraka ho antoka indray. 2°—, Mampihitsoka indray. 3°—, Manomboka indray. Voy. Engager.

Se rengager, *vpr*. 1° Milatsa-tenany indray. 2°—, Mihitsoka indray. 3°—, Atomboka indray, manomboka —.

RENGAINE, *sf*. Zava-poana, hevi-potsy, hevi-dravina.

RENGAINER, *va*. 1° Mampidi-tsabatra amy ny tranony. 2° *fig*. Mampijanona. Rengainez votre compliment. *Ajanony* ny teny fankalazana nataonao.

RENGORGER (SE), *vpr.* Mianjonanjona, miandranandrana, mirehareha.

RENGRAISSER, *va.* Manatavy indray. —son cheval. *Manatavy indray* ny soavaliny.

—, *vn.* Mihamatavy indray. Nos moutons rengraissent. *Mihamatavy indray* ny ondrilahintsika.

RENIABLE, *adj.* Tokony holavina.

RENIEMENT ou **RENÎMENT,** *sm.* Fandávana. Le — de saint Pierre. Ny *fandávany* Md. Piera.

RENIER, *va.* 1° Mandá. Il l'a renié pour son ami. *Nolaviny* tsy ho sakaizany izy. 2° —, Mivadika. Il a renié sa religion. *Nivadika* ny fivavahany izy.

RENIFLEMENT, *sm.* Fifohan-delo.

RENIFLER, *vn.* Mifo-delo.

—, *va.* Mitroka. — une prise. *Mitroka* paraky.

RENIFLEUR, EUSE, *s.* Mpifo-delo.

RENOM, *sm.* Laza. Homme de —. Olo*malaza*

RENOMMÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Voafidy indray, nofidina —. 2° —, Malaza, manan-daza, mandeha laza, manehoeho. Capitaine —. Kapiteny *malaza, manan-daza*. Voy. Célèbre.

RENOMMÉE, *sf.* 1° Laza. Cela nuirait à sa —. Hanimba ny *lazany* izany. 2° —, Filazan' olona. J'ai appris cela par la —. *Filazan' olona* no nandrenesako izany.

RENOMMER, *va.* 1° Mifidy indray. On l'a renommé. *Nofidina indray* izy. 2° —, Mankalaza. Ce chanteur qu'on renomme en tous lieux. Io mpihira io izay *ankalazaina* hatraiza hatraiza.

RENONCEMENT, *sm.* Fahafoizana, famoizana, fandaozana, fandávana. Il vit dans un grand — de soi-même. Mampiseho *fahafoizan-tena, fandavan-tena* mahagaga izy.

RENONCER, *vn.* Mahafoy, mamoy, mandao, mandá, mivadika, mamela. Il a renoncé à la succession. *Nahafoy, namoy, nandao* ny lovany izy. — à Satan. *Mandá* any Satana. Il a renoncé à sa religion. *Nivadika* ny fivavahany izy. Il a renoncé à cette entreprise. *Navelany* izany raharaha izany.

—, *va.* Mandá. Avant que le coq chante, vous me renoncerez trois fois. Alohan' ny hanenoan' ny akoho, dia *handá* ahy intelo hianao.

RENONCIATION, *sf.* Fahafoizana, famoizana, fandaozana.

RENOUER, *va.* 1° Mamóna indray, mamehy indray. — ses souliers. *Mamehy* ny kirarony *indray*. 2° *fig.* Mampitohy indray. Je viens de — amitié avec lui. Avy *nampitohy* fihavanana taminy *indray* aho.

Se renouer, *vpr.* Avóna indray, afehy indray.

RENOUEUR, EUSE, *s.* Mpanao ody folaka.

RENOUVELABLE, *adj.* Azo havaozina. Bail —. Fanofana *azo havaozina*.

RENOUVELER, *va.* Manolo, manavao, mahatonga ho vaovao, manindroa, mamerina, manaitra, manetsika, mamoha (foha). Il renouvelle son mobilier. *Manolo* ny fanany izy. Le retour du printemps renouvelle toutes choses. Ny fitsingerenan' ny lohataona *manavao* ny zavatra rehetra. Le baptême renouvelle l'homme. Ny batemy *mahatonga* ny olona *ho* olom-*baovao*. On a renouvelé le traité. *Nohavaozina* ny fanekem-pihavanana. Il a renouvelé ses vœux. *Nohavaoziny, nindraoziny, naveriny* ny voady nataony. Cela renouvelle sa douleur. *Manaitra, manetsika, mamoha* ny alahelony izany.

Se renouveler, *vpr.* Soloana, havaozina, tonga vaovao, indraozina, miverina, tairina, mihetsika. La fièvre se renouvelle. *Miverina, mihetsika* ny tazo.

RENOUVELLEMENT, *sm.* Fanoloana, fanavaozana, fahatongavana ho vaovao, fanindraozana, famerenana, fiverenana, fihetsehana.

RÉNOVATEUR, TRICE, *adj.* Mahatonga ho vaovao.

RÉNOVATION, *sf.* Fanavaozana, fahatongavana ho vaovao, fanindraozana, famerenana.

RENSEIGNEMENT, *sm.* Fanoroana, fahafantarana, filazana, fanambarana. Donnez-moi quelques renseignements sur cette affaire. *Atorotoroy, ampahafantaro, ilazao, anambarao* kely ny momba izany raharaha izany aho.

RENSEIGNER, *va.* Manoro, mampianatra indray, mampahafantatra, milaza, manambara. Il avait oublié le chemin, je le lui ai renseigné. Nanadino ny lálana izy, fa izaho *nanoro* azy indray. Il

faut lui — le latin. Tsy maintsy *ampianarina* teny latina *indray* izy.

Se renseigner, *vpr.* Manadina. Je me suis renseigné auprès de lui. *Nanadina* azy aho.

RENSEMENCER, *va.* Mamafy indray.

RENTE, *sf.* 1° Zana-bola na harena raisina isan-taona. Il a mille francs de —. Mahazo *zana-bola* roan-jato *isan-taona* izy. Il jouit d'une — en blé. *Mandray* varim-bazaha *isan-taona* izy. 2°—, Zana-bola omen' ny fanjakana.

RENTER, *va.* Manokana zana-bola na harena horaisina isan-taona. Il a renté un hôpital. *Nanokana zana-bola* na *harena horaisin'* ny hospitaly anankiray *isan-taona* izy.

RENTIER, IÈRE, *s.* 1° Mpandray zana-bola isan-taona. 2°—, Mpandray zanabola na harena isan-taona hivelomany.

RENTRAIRE, *va.* Manosoka zaitra.

RENTRAITURE, *sf.* Soso-jaitra.

RENTRANT, ANTE, *adj.* Miditra. Angle —. Zoro *miditra.*

—, *sm.* Izay miditra hisolo ny maty loka.

RENTRAYEUR, EUSE, *s.* Mpanosojaitra.

RENTRÉE, *sf.* 1° Fidirana indray. À la — des classes, on dit une messe du Saint-Esprit. Raha *miditra indray* ny sekoly, dia atao ny lamesan' ny Fanahi-Masina. 2°—, Fiverenana. Attendre le sanglier à la —. Miandry lambo *mi-verina.* 3°—, Famoriana, fahazoana indray. Je comptais sur la — de mes fonds, mais personne ne m'a payé. Nanantena *hamory, hahazo* ny volako *indray* aho, fa tsy nisy nandoa.

RENTRER, *vn.* 1° Miditra indray. Il est rentré à la maison. *Niditra* ao an-trano *indray* izy. Aujourd'hui les élèves rentrent. *Miditra indray* anio ny sekoly. 2°—, Miverina, mahazo indray, manaraka indray, mandinika. Il est rentré en charge. *Tafaverina* tamy ny raharahany izy. Il est rentré dans son bien. *Nahazo* ny fananany *indray* izy. Il est rentré dans ses bonnes grâces. *Nahazo* fitia taminy *indray* izy. Il est rentré dans le devoir. *Nanaraka* ny mety *indray* izy. — en soi-même. *Mandinika* ny ao am-pony. 3°—, Vorina, azo indray. Cette avance rentrera peu à peu. Izany vola naroso aloha izany *hovorina,* ho *azo* tsikelikely *indray.* Faire — ses fonds. *Mamory* ny volany.

—, *va.* Mampiditra. — des orangers. *Mampiditra* foto-boasary.

RENVERSE (À LA), *loc. adv.* Mitsilany. Il est tombé à la —. Lavo *nitsilany* izy.

RENVERSÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Voaongana, naongana, miongana, voazera, nazera, nianjera. 2°—, Voafotitra, nafotitra, mifotitra, nampifamadihina, mifamadika, voatsingoloka, natsingoloka, mitsingoloka, natsontsorika, mitsontsorika, voatotongana, natotongana, mitotongana, voahohoka, nahohoka, mihohoka, mitsilany. Il y a des lunettes à travers lesquelles on voit les objets renversés. Misy masolavitra mampiseho ny zavatra ho *mifotitra, mitsingoloka, mitsontsorika.* 3°—. Nakorontana, mikorontana, nasafotofoto, misafotofoto. 4° *fig.* Voarava, noravana, rava, nakorontana, mikorontana, mivadika, nampifamadihina, mifamadika. Il a l'esprit —. *Mikorontana* ny sainy, *mivadika* ny ati-dohany. C'est le monde —. *Nampifamadihina, mifamadika* izany.

RENVERSEMENT, *sm.* 1° Fanonganana, fionganana, fanjerana, fianjerana. 2°—, Famoterana, fifoterana, fampifamadihana, fifamadihana, fanatsingolohana, fitsingolohana, fanatsontsorihana, fanatotonganana, fitotonganana, fanohofana, fihohofana. 3°—, Fanakorontanana, fikorontanana, fanasafotofotoana, fisafotofotoana. 4° *fig.* Fandravana, faharavana, fampikorontanana, fikorontanana, fivadihana, fampifamadihana, fifamadihana.

RENVERSER, *va.* 1° Manongana, manjera. Le vent a renversé cet arbre. Ny rivotra *nanongana, nanjera* io hazo io. Il a renversé la table. *Nanongana* ny latabatra izy. 2°—, Mamotitra, mampifamadika, manatsingoloka, manatsontsorika, manatotongana, manohoka. — une phrase. *Mampifamadika* teny amy ny fehezan-teny. Renversez l'encrier. *Atsingolohy, atotongano* ny fitoerandranomainty. Renversez les assiettes. *Ahohofy* ny lovia. 3°—, Manakorontana, manasafotofoto. Il a renversé tous mes livres. *Nanakorontana,* etc., ny bokiko rehetra izy. 4° *fig.* Mandrava, mampikorontana, mampivadika, mampifamadika. — un Etat. *Mandrava* fanjakana. Il a renversé les affaires de cette maison. *Nampikorontana* ny raharahan' izy

mianakavy ato izy. Ce livre lui a renversé l'esprit. *Nampikoronlana* ny sainy izany boky izany.

Se renverser, *vpr.* 1° Miongana, mianjera. 2°—, Lavo mitsilany.

RENVOI, *sm.* 1° Fampanaterana indray, fampitondrana —, fanirahana —, famerenana. fandávana. 2°—, Fampanaterana, fampitóndrana, fanirahana. 3°—, Fandravana, fandroahana. 4°—, Famindrana, fanemorana. 5° —, Masinaty.

RENVOYER, *va.* 1° Mampanatitra indray, mampitondra —. maniraka —, mamerina, mandá. Je lui ai renvoyé le livre qu'il m'avait prêté. *Nampanateriko, nampitondraiko* taminy *indray, naveriko* taminy ny boky nampindraminy ahy. On a renvoyé le courrier deux heures après son arrivée. *Nirahina indray* ny mpitondra taratasy nony afaka adim-pamantaranandro roa taorian' ny nahatongavany. J'ai renvoyé son présent. *Naveriko, nolaviko* ny fanatitra nateriny. Renvoyez la balle. *Avereno* ny baolina. La glace renvoie les rayons du soleil. Ny fitaratra *mamerina* ny tsirim-pahazavana. L'écho renvoie le son. Ny ako *mamerina* ny feon-javatra. 2°—, Mampanatitra, mampitondra, maniraka. J'ai renvoyé votre demande au ministre. *Nampanateriko, nampitondraiko* any amy ny ministra ny fangatahanao. Il m'a renvoyé à sa femme. *Naniraka* ahy ho any amy ny vavy izy. Ces chiffres renvoient le lecteur à la fin du livre. Ireo marika ireo *maniraka* ny mpamaky ho amy ny faran' ny boky. 3°—, Mandrava, mandefa, mandroaka. On a renvoyé les troupes. *Noravana* ny miaramila. On a renvoyé l'accusé. *Nalefa* ny voampanga. Il a renvoyé deux domestiques. *Nandroaka* mpanompo roa izy. 4°—, Mamindra, manemotra. On a renvoyé le procès à huitaine. *Nafindra, nahemotra* ho havaloan'andro ny ady. 5° *fig.* — la balle à quelqu'un. Mamaly mafy olona.

Se renvoyer, *vpr.* 1° Mifampanatitra, mifampitondra. 2° *fig.* Se — la balle. Mifanjána.

RÉOCCUPATION, *sf.* Fakana indray.

RÉOCCUPER, *va.* Maka indray.

RÉORDINATION, *sf.* Fanamasinana olona indray.

RÉORDONNER, *va.* Manamasina olona indray.

RÉORGANISATION, *sf.* Fandaharana indray, fandaminana —.

RÉORGANISER, *va.* Mandahatra indray, mandamina —.

Se réorganiser, *vpr.* Alahatra indray, alamina —.

RÉOUVERTURE, *sf.* Famohana indray. Depuis la — de ce magasin. Hatramy ny *namohana indray* io trano fivarotana io.

REPAIRE, *sm.* 1° Fioren' ny biby dia, fifonohan' ny biby dia. C'est le — d'un lion. Ao no *ierena, ifonohan'* ny liona anankiray. 2° *fig.* Fandrian-dompy. Cette maison est un — de voleurs. Trano *fandrian-dompy* io trano io.

REPAÎTRE, *va.* 1° Mamahana. — des animaux. *Mamahana* biby. 2° *fig.* — quelqu'un de chimères. Mampanantena tsy misy. — ses yeux de la vue d'un objet. Mibanjin-javatra.

Se repaître, *vpr.* 1° Mihinana, homana, voky. Ils se sont bien repus. *Voky* tsara izy ireo. 2° *fig.* Se — de chimères. Manao ariary zato am-pandriana.

RÉPANDRE, *va.* 1° Mandraraka, manabosasaka, mampitobaka, mandrotsaka, mandatsaka. Il a répandu de la sauce sur la table. *Nandraraka* ro tao ambony latabatra izy. — du sel. *Mandraraka* sira. — des larmes. *Mandrotsa*dranomaso. Il a répandu son sang pour la patrie. *Nandatsaka* ny rany ho any ny tanin-drazany izy. 2°—, Mandefa, manely, mampiely, mizarazara. Ces fleurs répandent une odeur agréable. *Mandefa* fofona manitra ireo voninkazo ireo. Il répandit ses troupes dans tous les villages. *Nanely, nampiely* ny miaramilany tamy ny vohitra rehetra izy. — des aumônes. *Mizarazara* fiantrana. 3° *fig.* Mampiely. Il a répandu ce bruit dans la ville. *Nampiely* izany tsaho izany eran' ny tanána izy.

Se répandre, *vpr.* 1° Raraka, mibosasaka, mitobaka, mirotsaka. La cruche qu'elle portait sur la tête s'est cassée et l'eau s'est répandue sur elle. Vaky ny siny teny an-dohany, ka *nibosasaka* taminy ny rano. L'eau s'est répandue par-dessus les bords du verre. *Nitobaka* tamy ny gilasy ny rano. 2°—, Miely. Les eaux se répandent dans la cam-

pague. *Miely* any an-tsaha ny rano. 3° *fig*. Miely, miseho, mamoaka teny betsaka. Un air triste se répand sur tous les visages. *Miseho* amy ny tarehin' ny maro ny alahelo. Il cherche à se — dans le monde. Te-*hiseho* amy ny olona izy. Il se répandit en invectives contre lui. *Namoaka teny* fanesoana azy *betsaka* izy.

RÉPARABLE, *adj*. 1° Azo amboarina. 2°—, Azo onerana.

REPARAÎTRE, *vn*. Miseho indray, miposaka—. Le soleil reparait. *Miseho*, etc., *indray* ny masoandro.

RÉPARATEUR, *sm*. Mpanonitra.

Réparateur, trice, *adj*. Mahonitra, mandamina. Gouvernement—. Fanjakana *mandamina*.

RÉPARATION, *sf*. 1° Fanamboarana. 2° *fig*. Fanonerana, onitra. Quelle —demandez-vous ? *Fanonerana*, etc., inona no angatahinao ?

RÉPARER, *va*. 1° Manamboatra. — un mur. *Manamboatra* ampiantany. 2° *fig*. Manonitra. Il a réparé ses torts. *Nanonitra* ny hadisoany izy. Il a réparé l'injure qu'il lui avait faite. *Nanonitra* ny fanesoana nataony taminy izy. Il répare le temps perdu. *Manonitra* ny andro lany foana izy. || *loc*. — ses forces. Mihamatanjaka indray.

Se réparer, *vpr*. 1° Amboarina. 2° *fig*. Onerana.

REPARLER, *vn*. Milaza indray, miresaka —. Reparlez-lui de cette affaire. *Ilazao, iresaho indray* izany raharaha izany izy.

REPARTIE, *sf*. Famaliana, famaly. Il est prompt à la —. Malaky *mamaly* izy.

REPARTIR, *va*. et *vn*. Mamaly.

—, *vn*. 1° Miverina, mody. Il repart pour son pays. *Miverina*, etc., any amy ny tanin-drazany izy. 2°—, Miala indray. Je repars dans deux jours. *Hiala indray* aho raha afaka indroa andro.

RÉPARTIR, *va*. Mizarazara, mitantana, manokotoko. — ses biens. *Mizarazara, mitantana* ny fananany. — des troupes dans divers villages. *Manokotoko* ny miaramila amy ny vohitra samihafa.

RÉPARTITEUR, *sm*. Mpizarazara, mpitantana, mpanokotoko.

RÉPARTITION, *sf*. Fizarazarana, fitantanana, fanokotokoana.

REPAS, *sm*. Fihinanana, sakafo.

REPASSAGE, *sm*. Fipasohana, fanasana.

REPASSER, *vn*. Mandalo indray, miverina, manerantserana. Il repassera ici ce soir. *Handalo* eto *indray* izy raha hariva. Il vient de—en Angleterre. Vao *niverina* any Englanda izy. — devant quelqu'un. *Manerantserana* olona.

—, *va*. 1° Mita indray, mamaky indray. —l'eau. *Mita* rano *indray*. L'armée repassa les Alpes. *Namaky* ny tendrombohitra Alpa *indray* ny tafika. 2°—, Mipasoka, manasa. —du linge. *Mipasoka* lamba. — un couteau. *Manasa* antsy. 3° *fig*. Mamerimberina aloha. — un discours. *Mamerimberina* laha-teny *aloha*. — une leçon. *Mamerimberina* lesona *aloha*.

REPASSEUR, *sm*. Mpanasa antsy, — hety.

REPASSEUSE, *sf*. Vehivavy mpipasoka.

REPAVER, *va*. Manao ngorodom-bato indray, manao lampivato —, mandraftra akoravato —.

REPÊCHAGE, *sm*. Fakana zavatra anaty rano.

REPÊCHER, *va*. Maka anaty rano. — un câble. *Maka* mahazaka *anaty rano*. — un noyé. *Maka* olona maty an-drano.

REPEINDRE, *va*. Manoso-doko indray, mandoko indray. — une porte. *Manoso-doko*, etc., varavarana indray.

REPEINT, EINTE, *p*. et *adj*. Voahosodoko indray, nohosoran-doko —, voaloko —, nolokoana—.

REPENSER, *vn*. Mandinidinika indray. Repensez à mon affaire. *Dinidiniho indray* ny raharahako.

REPENTANCE, *sf*. Fanenenana.

REPENTANT, ANTE, *adj*. Manenina.

REPENTIES, *sf*. *pl*. et *adj*. Vehivavy mpivalo.

REPENTIR (SE), *vpr*. Manenina. Il se repent de ses fautes. *Manenina* noho ny ota nataony izy.

REPENTIR, *sm*. Fanenenana, nenina. Il est touché de —. Hontsan' ny *nenina* izy.

REPERCER, *va*. Mandoaka indray, maninteraka —, managorobaka —, etc. Voy. PERCER.

RÉPERCUSSION, *sf*. Famerenana, fiverenana.

RÉPERCUTER, *va.* Mamerina. L'écho répercute le son. Ny ako *mamerina* ny feon-javatra.

Se répercuter, *vpr.* Miverina.

REPERDRE, *va.* Mandany indray, maty —, resy —, maty antoka —. Voy. PERDRE.

REPÈRE, *sm.* Marika, famantarana.

RÉPERTOIRE, *sm.* 1° Taratasy fitadidian-javatra betsaka. 2° *fig.* Olona mahatadidy zavatra betsaka. Cet homme est un — d'anecdotes. *Mahatadidy lantara betsaka* io lehilahy io.

REPESER, *va* Mandanja indray.

RÉPÉTAILLER, *va.* Mamerimberindava.

RÉPÉTER, *va.* 1° Milaza indray, mamerin-teny, mamerina. Je vous ai dit cela, et je vous le répète. Efa voalazako taminao izany, ary *lazaiko indray, averiko.* L'écho répète deux fois le son. Ny ako *mamerina* indroa ny feon-javatra. Vous répétez ce qu'on a dit cent fois. *Mamerina* izay efa voalaza injato hianao. 2°—, Milazalaza, manambara, mamerimberina aloha. Les enfants répètent ce qu'ils entendent. Ny ankizy madinika *milazalaza, manambara* izay reny. Il répète sa leçon. *Mamerimberina aloha* ny lesony izy. 3°—, Manao indray, mampianatra olona tsirairay. — des signaux. *Manao* famantarana *indray.*

Se répéter, *vpr.* Mamerimberin-teny, miverimberina, averimberina.

RÉPÉTITEUR, *sm.* Mpampianatra olona tsirairay.

RÉPÉTITION, *sf.* 1° Famerenana, fiverenana. C'est une — de mots inutiles. *Famerenan*-teny foana izany. 2°—, Famerimberenana aloha. On a déjà fait trois répétitions de ce chant. Efa *naverimberina* intelo sahady *aloha* izany hira izany. 3°—, Fampianarana olona tsirairay. Il donne des répétitions. *Mampianatra olona tsirairay* izy.

REPEUPLEMENT, *sm.* Fametrahana mponina indray, — biby indray.

REPEUPLER, *va.* Mametraka mponina indray, — biby indray.

Se repeupler, *vpr.* Mihabe mponina indray, — biby indray La ville se repeuple rapidement. *Mihabe mponina* haingana *indray* ny vohitra.

RÉPIT, *sm.* Fiainana. Ce créancier ne donne pas de — à ses débiteurs. Tsy avelan' io tompon-trosa io *hiaina* ny olona ananany vola.

REPLACER, *va.* 1° Mametraka indray amy ny toerany. 2°—, Mampahazo raharaha indray.

Se replacer, *vpr.* 1° Mipetraka indray amy ny toerany. 2°—, Mahazo raharaha indray.

REPLANTER, *va.* Mamboly indray. Voy. PLANTER.

REPLÂTRAGE, *sm.* 1° Fandalorana plastera indray. 2° *fig.* Fanarontsaronan-kadisoana, fifanarakarahana kely.

REPLÂTRER, *va.* 1° Mandalotra plastera indray. 2° *fig.* Manarontsaron-kadisoana.

REPLET, ÈTE, *adj.* Matavibe, botrefom-be, mihifotrifotra.

RÉPLÉTION, *sf.* Hatavezan-doatra.

REPLI, *sm.* 1° Lefitra, foritra, dify. Faire un — à une étoffe. *Mandefitra, mamoritra* lamba. Faire un — au bord d'une natte. *Mandify* tsihy. 2°—, Fiolikolika, fifelipelika, fihoronkorona, fiforiporitra, fivalombalona. Le serpent rampait à longs replis. Nandady *niolikolika, nifelipelika* be hiany ny bibilava. Le reptile l'enveloppa de ses replis. *Nihoronkorona, niforiporitra* nanodidina azy ny bibilava. Les replis d'un drapeau. Ny *fivalombalon'* ny saina. 3° *fig.* Ny miafina indrindra. Dieu pénètre dans les replis de nos consciences. Andriamanitra mahita *ny miafina indrindra* ao am-pontsika.

REPLIER, *va.* 1° Mamalona. Repliez ce manteau. *Avalony* io kapaoty io. 2°—, Mandefitra, mamoritra. Il replie son corps comme il veut. *Mandefitra,* etc., ny vatany araka izay tiany izy.

Se replier, *vpr.* 1° Milefitra, miforitra, miolikolika, mifelipelika, mihoronkorona, miforiporitra, mivalombalona. 2°—, Miverina. L'armée s'est repliée. *Niverina* ny tafika.

RÉPLIQUE, *sf.* Famaliana, valin-teny. Sa — a été faible. Tsy nahomby loatra ny *famaliana,* etc., nataony.

RÉPLIQUER, *va.* Mamaly, manetry, mamalivaly. Il n'eut rien à —. Tsy nanan-*kavaly,* tsy nanan-*kasetry,* sina, gaina, tankina izy. Cet enfant me réplique toujours. *Valivaliana, setrisetren'* io zazalahy io lalandava aho.

REPLISSER, *va.* Manao lefiravina indray, manaketrona—.

REPLONGER, *va.* Mandroboka indray, etc. Voy. PLONGER.

—, *vn.* Manao antsitrika indray, etc. A peine sorti de l'eau, il replongea. Vao nipoitra avy tao anaty rano izy, ka *nanao antsitrika indray.*

Se replonger, *vpr.* Manao antsitrika indray, etc.

REPOLIR, *va.* 1° Mandambolambo indray, mandama—, manampaly—. 2° *fig.* Mandrindra indray. — un écrit. *Mandrindra* laha-teny an-tsoratra *indray.*

RÉPONDANT, *sm.* 1° Mpamaly. 2°—, Mpiantoka.

RÉPONDRE, *va.* Mamaly. Il ne me répondit que deux mots. Teny indroambava monja no *navaliny* ahy.

—, *vn.* 1° Mamaly, manoina, manetry, mamalivaly. Personne ne répond. Tsy misy *mamaly, manoina.* Il a répondu à toutes les questions. *Voavaliny, voasetriny* avokoa ny fanontaniana rehetra natao taminy. Cet élève a bien répondu. *Namaly* tsara io mpianatra io. L'écho répond. *Mamaly, manoina* ny ako. Il répond à toutes les lettres qu'il reçoit. *Mamaly* ny taratasy rehetra raisiny izy. Il a bien répondu dans son journal. *Namaly* tsara tao amy ny gazetiny izy. Faites ce qu'il commande et ne répondez point. Ataovy izay andidiany anao ary aza *mamalivaly.* Il ne répond pas à mon amour. Tsy *mamaly* fitiavana ahy izy. 2°—, Mipaka, mifanaraka, mifamaly, mifanandrify. Cette allée répond à la grotte. *Mipaka* amy ny lava-bato io araben-dálana io. Tout répond à nos désirs. *Mifanaraka* amin' izay irintsika ny zavatra rehetra. Sa douleur lui répond aux reins. Ny fanaintainana mahazo azy *mifamaly* ao am-balahany. 3° —, Miantoka, milaza marina. Me répondez-vous de cet homme-là ? Moa *miantoka* io olona io hianao? Je vous réponds qu'il a dit vrai. *Milaza marina* aminao aho fa marina ny voalazany.

Se répondre, *vpr.* 1° Mifamaly, mifanoina. 2°—, Mifanaraka, mifanandrify. Les portes de cet appartement se répondent. *Mifanandrify* ny varavaran' io efi-trano io.

RÉPONSE, *sf.* Famaliana, valin-teny, valin-taratasy. Sa — est juste. Marina ny *famaliana,* ny *valin-teny* nataony. Il m'a fait —. *Namaly ny taratasiko* izy.

REPORT, *sm.* Famindrana tontaly, tontaly nafindra.

REPORTER, *va.* Mamerina, mamindra. Reportez ce livre sur la table. *Averéno* ao ambony latabatra io boky io. Reportez les remarques à la fin de l'ouvrage. *Afindrao* ao amy ny faran' ny boky ny fivoasana.

Se reporter, *vpr.* Mahatsiaro, mahatsiahy. Reportez-vous au temps de votre enfance. *Tsarovy, tsahivo* ny andron' ny fahazazanao.

REPORTER, *sm.* Mpamory zava-baovao.

REPOS, *sm.* 1° Fipetrahana, tsy fihetsehana. Cet enfant ne saurait demeurer en—. Tsy mahay *mipetraka, mihetsiketsi* dava io zazalahy io. 2°—, Fialan-tsasatra, torimaso, fandriana, fakana aina, fijanonana, fialan janona. Le dimanche est le jour du—. Andro *fialan-tsasatra* ny alahady. Il prend son —. *Matory, mandry* izy. Le — éternel. Ny *fialan-tsasatra* mandrakizay. Un bon lecteur sait se ménager des —. Mahay *maka aina, mijanona, miala janona* izay mamaky teny tsara. 3° *fig.* Fitombenana, fiadanana, fandriana fehizay. Il a l'esprit en —. *Mitombina* ny sainy. Le royaume est dans un — complet. *Miadana, mandry* tsara, *mandry fehizay* ny fanjakana.

REPOSÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Afa-tsasatra. 2°—, Mandry tsara. Cette eau n'est pas reposée. Tsy *mandry tsara* io rano io.

À tête reposée, *loc. adv.* Amim-pitombenan-tsaina.

REPOSER, *va.* 1° Mametraka tsara. Reposez votre jambe sur ce coussin. *Apetraho tsara* eo ambonin' io ondana io ny ranjonao. 2° *fig.* Mampitombina, mahafatsasatra, mahafaly. Cette lecture repose l'esprit. *Mampitombina, mahafa-tsasatra* ny saina izany famakian-teny izany. — sa vue sur un objet. *Miala sasatra, faly* mijery zavatra anankiray. N'avoir pas où — sa tête. Tsy manana an-ton-trano *hialan-tsasatra,* mandry fehariva.

—, *vn.* 1° Matory, mandry, miala sasatra, mipetraka tsara. Il a passé la nuit sans—. Tsy nahita *tory* nandritra ny alina izy. Il ne dort pas, il repose. Tsy matory izy, fa *mandriandry, miala sasatra.* Le malade repose. *Mipetrapetraka tsara* ny marary. Laissez — le vin. Avelao

handry ny divay. Laissez — cette terre. Avelao *hiala sasatra*, ho tany vao io tany io. 2° —. Mipetraka, milevina, miorina. C'est dans ce tombeau que son corps repose. Ato amin' ity fasana ity no *ipetrahana*, *ilevenan'* ny fatiny. Cet édifice repose sur le roc. *Miorina* amy ny vatolampy io trano io. 3° *fig.* Miankina, mitombina. Ce raisonnement ne repose sur rien. Tsy *miankina* aminjavatra na inona na inona izany porofo izany. Laissez — ses esprits. Avelao *hitombina* ny sainy.

Se reposer, *vpr.* 1° Miala sasatra, maka aina, mijanona, miala janona. Il se repose sur le gazon. *Miala sasatra* eny ambonin' ny ahi-maitso izy. Après s'être reposé quelques instants, il reprit la parole. Rahefa *naka aina*, *nijanona*, *niala janona* kely izy, dia nanohy teny indray. 2° *fig.* Miankina, miadana, mandry, mandry fehizay. Je me repose sur lui. *Miankina* aminy aho. Le pays se repose. *Miadana*, *mandry*, *mandry fehizay* ny tany.

REPOSOIR, *sm.* Otely atsangana eny alatrano mba hametrahana ny sakramenta masina raha manao prosesio.

REPOUSSANT, ANTE, *adj.* Mahadikidiky. Figure repoussante. Tareby *mahadikidiky*.

REPOUSSEMENT, *sm.* Fanosehana. Le — d'un fusil. Ny *fanosehan'* ny basy.

REPOUSSER, *va.* 1° Manosika indray, manosika, mandronjina indray, mandronjina, mamerina. Repoussez la porte. *Atoseho indray* ny varavarana. Il le repoussa de la main. *Natosiny*, *naronjiny* tánana izy. Repoussez la balle. *Avereno* ny baolina. 2° —, Mandroaka, mampihemotra, mampandositra. — les ennemis. *Mandroaka*, etc., ny fahavalo. 3° *fig.* Mandroaka, mandá, manohitra. — une mauvaise pensée. *Mandroaka* hevi-dratsy. — une demande. *Mandá* fangatahana. Il a repoussé cette calomnie. *Nanohitra* izany fanendrikendrehana izany izy.

—, *vn.* Mitsimoka indray, mitsiry —, maniry —, manaroka —. Ses cheveux repoussent. *Maniry indray* ny volondohany. Voy. POUSSER.

REPOUSSOIR, *sm.* Fanosehana hombo, fanalana hombo.

RÉPRÉHENSION, *sf.* Fananarana, faniniana.

REPRENDRE, *va.* 1° Maka indray, maka, mandray indray, misambotra indray. — une ville. *Maka* tanána *indray*. — les armes. *Mandray* fiadiana *indray*. — un oiseau. *Misambo*-borona *indray*. — haleine. *Maka* aina. 2° —, Manohy, mamerina, manomboka, manamboatra. Reprenons notre lecture. Aoka *hotohizina* ny vakitenintsika. — une pièce de théâtre. *Mamerina* teatra. Reprenez les mailles de ce filet. *Atohizo* ireo masonkarato ireo. Reprenons cette histoire de plus haut. Aoka *hatombotsika* any aloha any izany tantara izany. — un mur en sous-œuvre. *Manamboatra* vody rindrina. 3° —, Mahazo indray, mahatratra —. La fièvre l'a repris. *Azo*, *tratry* ny tazo *indray* izy. Il a repris courage. *Nahazo* herim-po *indray* izy. Il a repris le dessus. *Nahazo* hery *indray*, mahery *indray*, matanjaka *indray* izy. 4° —, Mananatra, maniny. Reprenez-le doucement. *Anaro* moramorà izy. Je ne vois rien à — à sa conduite. Tsy hitako velively izay *haniniana* ny fitondrantenany.

—, *vn.* 1° Mamáka indray, mahazo fototra —, latsa-paka —, maniry —. Ce pommier reprend. *Mamáka indray*, etc., io foto-paoma io. Les chairs reprennent. *Maniry indray* ny nofo. 2° —, Manaritra, hoy indray, manomboka —, mandry —. Ce malade reprend. *Manaritra* io marary io. Cela est indubitable, repritil. Tsy misy isalasalana izany, *hoy indray* izy. Le froid reprend. *Manomboka indray* ny hatsiaka. La rivière a repris. *Nandry indray* ny renirano.

Se reprendre, *vpr.* Manarin-teny.

REPRÉSAILLE, *sf.* Valim-bonoana, tsimbalivaly. Les ennemis usèrent de représailles. Nanao *valim-bonoana* ny fahavalo. Il s'est saisi de cette terre par représailles. Naka izany tany izany ho *tsimbalivaly* izy.

REPRÉSENTANT, *sm.* Solon-tena, solombava, solo, masoivoho, andrianjahonoany, solombavam-bahoaka. Les ambassadeurs sont les représentants des souverains qui les envoient. Ny ambasadaora dia *solon-tena*, *solombava*, *solon'* ny mpanjaka izay maniraka azy. Il est mon — dans cette affaire. Izy no *solon-tenako*, *solombavako*, *soloko*, *masoivohoko*, *andrianjahonoany* amin' izany raharaha izany. Les représentants

d'une province. Ireo *solombavam-bahoaka* amy ny fari-tany iray.

REPRÉSENTATIF, IVE, *adj.* 1° Mampiseho, manambara. L'argent est le signe — des richesses du pays. Ny vola no famantarana *mampiseho*, etc., ny haren' ny fanjakana. 2°—, Misy solombavam-bahoaka. Gouvernement —. Fanjakana *misy solombavam-bahoaka*.

REPRÉSENTATION, *sf.* 1° Fampisehoana indray, fanehoana —. On exigea la — de son passe-port. Nodidiana mba *hampiseho, haneho* ny pasipaorony *indray* izy. 2° —, Fampisehoana, fanehoana, sary. Ce tableau est la — de la sainte Famille. *Mampiseho, maneho* ny Fianakaviana masina, *sarin'* ny Fianakaviana masina io sary mihoso-doko io. 3° —, Fisehoana amim-boninahitra. Son emploi exige une grande —. Noho ny raharahany tsy maintsy *hiseho amim-boninahitra* lehibe izy. 4°—, Torohevitra, fananarana. Je lui ai fait d'inutiles représentations. Sasapoana aho *nanoro hevitra, nananatra* azy. 5°—, Fisoloana, solombavam-bahoaka. Il hérite par —. Izy no *misolo* mandova. La — nationale. Ny *solombavam-bahoaka* amy ny fanjakana.

REPRÉSENTER, *va.* 1° Mampiseho indray, maneho —, mitondra —, manatitra —. Représentez moi votre ami. *Ento, atero* aty amiko *indray* ny sakaizanao. 2°—, Mampiseho, sary, tandindona. Ce prédicateur représente vivement les choses. *Mampiseho* tsara ny zavatra lazainy io mpitory teny io. Salomon représente le Messie. Salomona dia *tandindon'* ny Mesia. 3°—, Mampahatsiaro, mampahatsiahy. Cet enfant me représente son père. Ity zaza ity *mampahatsiaro, mampahatsiahy* ahy ny rainy. 4°—, Manoro hevitra, mananatra. 5°—, Misolo.

—, *vn.* Miseho amim-boninahitra. Il est assez riche pour bien —. Ampy ny harena mba *hisehoany amim-boninahitra*.

Se représenter, *vpr.* 1° Tonga indray, miseho indray. Ne le laissez pas entrer, s'il se représente. Aza avela hiditra izy, raha *tonga indray*. On a ordonné à l'accusé de se — dans les trois mois. Voadidy mba *hiseho indray* raha afaka telo volana ny voampanga. 2°—, Miseho, alain-tsary. L'âme ne peut se —. Tsy azo *aseho, alain-tsary* ny fanahy. 3°—, Mahatsiaro, mahatsiahy, mihevitra, manao ho. Quand je passe par là, je me représente ce qui m'y est arrivé. Raha mandalo eo aho, *mahatsiaro, mahatsiahy* ny nanjó ahy tao. Je me la représentais comme une femme douce. Izaho *nihevitra, nanao* azy *ho* vehivavy malemy fanahy.

RÉPRESSIBLE, *adj.* Azo sakanana.

RÉPRESSIF, IVE, *adj.* Mahasakana. Lois répressives. Laléna *mahasakana*.

RÉPRESSION, *sf.* Fisakanana.

RÉPRIMABLE, *adj.* Azo sakanana.

RÉPRIMANDE, *sf.* Fananarana, anatra, fitozerana, fandevilevena, levilevy.

RÉPRIMANDER, *va.* Mananatra, mitezitra, mandevilevy. — son fils. *Mananatra*, etc., zanaka.

RÉPRIMANT, ANTE, *adj.* Misakana.

RÉPRIMER, *va.* Manalefaka, misakana, mamolaka. —l'ardeur de la fièvre. *Manalefaka* ny herin' ny tazo. La loi réprime les méchants. Ny laléna *misakana* ny ratsy fanahy. —un complot. *Misakana* teti-dratsy. Il faut — ses passions. Tokony *hofolahina* ny filan-dratsin' ny tena.

Se réprimer, *vpr.* 1° Sakanana, folahina. 2°—, Mahatan-tena, mahafehy tena, mahatsindry fo.

REPRIS, *sm.* — de justice. Olona manan-takaitra amy ny fanjakana.

REPRISE, *sf.* 1° Fakana indray, fandraisana—. 2°—, Fanohizana, famerenana, fiverenana, fanombohana, fanamboarana. Ses bas sont pleins de reprises. Betsaka ny *namboarina* amy ny bany. ‖ *loc.* À deux reprises. Indroa. À plusieurs reprises. Imbetsaka.

RÉPROBATEUR, TRICE, *adj.* Maniny.

RÉPROBATION, *sf.* 1° Faniniana. Il a encouru la — générale. Efa *notsinin'* ny be sy ny maro izy. 2°—, Fanariana. Dieu l'a frappé de —. Andriamanitra *nanary* azy.

REPROCHABLE, *adj.* 1° Mendrika hotsinina. Conduite —. Fitondran-tena *mendrika hotsinina*. 2°—, Azo lavina. Témoin —. Vavolombelona *azo lavina*.

REPROCHE, *sm.* Fananarana, faniniana, tsiny, fanadidiana, adidy. J'en ai reçu des reproches. Efa *nanarina, notsinina*, nahazo *anatra, tsiny, adidy*

noho izany aho. Homme sans—. Olona tsy misy *tsiny*. Voy. BLAME.

REPROCHER, *va*. Mananatra, maniny, manadidy. Je lui ai reproché sa conduite. *Nananatra*, etc., azy noho ny fitondran-tenany ahe. —un bienfait à quelqu'un. *Maniny, manadidy* olona noho ny tsy fankasitrahany.

Se reprocher, *vpr*. Manenina, malahelo. Je me reproche mes faiblesses. *Manenina* noho ny fahosako aho. L'avare se reproche la nourriture. Ny kahihitra *malahelo* ny hanina lanin' ny tenany.

REPRODUCTEUR, TRICE, *adj*. Mampiteraka indray. mampaniry —.

REPRODUCTIBLE, *adj*. Mety hiteraka indray, mety hihamaro, mety hitombo, mety haniry indray. Les animaux sont reproductibles. *Mety hiteraka indray* ny biby. Les plantes sont reproductibles. Mety *hihamaro, hitombo, haniry indray* ny zava-maniry.

REPRODUCTION, *sf*. 1° Fiterahana indray, fihamaroana, fitomboana, faniriana indray. 2°—, Famosahana indray, fiposahana —, fampisehoana —, fisehoana —, sary alain-tahaka, zavatra alaina amy ny hafa. Ce n'est qu'une —. *Sary nalain-tahaka, zavatra nalaina tamy ny hafa* fotsiny io.

REPRODUIRE, *va*. 1° Miteraka indray, mihamaro, mitombo, maniry indray. La plupart des arbres coupés à leurs racines reproduisent un nouveau plant. Ny ankabiazan' ny hazo voafolona dia *maniry indray, maniry* solofo *indray*. 2°—, Mamosaka indray, mampiseho —, maka tahaka, maka amy ny hafa. Il a reproduit la même preuve. *Namosaka indray* ilay porofo teo izy.

Se reproduire, *vpr*. 1° Miteraka indray, mihamaro, mitombo, maniry indray. On a beau détruire cette mauvaise herbe, elle se reproduit toujours. Na dia fongorana aza izany ahi-dratsy izany, dia *maniry* lalandava *indray*. 2°—, Miposaka indray, miseho —. Les mêmes évènements se reproduisent. *Miposaka indray*, etc., ny zavatra sasany.

RÉPROUVABLE, *adj*. Tokony hohelohina, — hotsinina, — hariana.

RÉPROUVÉ, ÉE, *s*. Olom-bery.

REPROUVER, *va*. Manaporofo indray.

RÉPROUVER, *va*. Manameloka, maniny, manary. L'Église a réprouvé cette doctrine. Ny Eglizy *nanameloka, naniny* izany fampianarana izany. Dieu réprouva Saül. Andriamanitra *nanary* any Saola.

REPTILE, *adj*. Mandady.

—, *sm*. Biby mandady.

REPU, UE, *adj*. Voky.

RÉPUBLICAIN, AINE, *adj*. Momba ny repoblika, tia repoblika.

—, *s*. Olona tia repoblika.

RÉPUBLICANISME, *sm*. Fitiavana repoblika.

RÉPUBLIQUE, *sf*. Repoblika, fanjakana entin' ny solombavam-bahoaka.

RÉPUDIATION, *sf*. Fisaoram-bady.

RÉPUDIER, *va*. 1° Misao-bady. 2° *fig*. Manary, mamoy. Il a répudié la croyance de ses pères. *Nanary* ny finoan-drazany izy. —une succession. *Mamoy* lova.

RÉPUGNANCE, *sf*. Tsy fitiavana, hadikidiky, harikoriko.

RÉPUGNANT, ANTE, *adj*. 1° Manohitra, mifanohitra. 2°—, Mahadikidiky, maharikoriko. Odeur répugnante. Fofona *mahadikidiky*, etc.

RÉPUGNER, *vn*. 1° Manohitra, mifanohitra. Ces choses répugnent l'une à l'autre. *Mifanohitra* ireo zavatra ireo. 2°—, Tsy tia, mahadikidiky, maharikoriko. La mère répugnait à ce mariage. *Tsy tia* izany fanambadiana izany reniny. Son genre de vie me répugne. *Mahadikidiky, maharikoriko* ahy ny toepiainany.

RÉPULLULER, *vn*. Mamozezy indray, mihabetsaka —, mitombo be —.

RÉPULSIF, IVE, *adj*. Manosika. Force répulsive. Hery *manosika*.

RÉPULSION, *sf*. 1° Fanosehana. 2° *fig*. Tsy fitiavana, hadikidiky, harikoriko.

RÉPUTATION, *sf*. Laza, zo. On tient à sa —. Samy tia ny *lazany*. Il est en mauvaise —. Ratsy *laza* izy. Il a la — d'être fort étourdi. *Malaza* ho maivandoha izy. Il est en — parmi les savants. Manan-*jo* amy ny olo-mahay izy.

RÉPUTÉ, ÉE, *adj*. Atao ho. Il est— pour homme de bien. *Ataon' ny* olona *ho* tsara fanahy izy.

RÉPUTER, *va*. Manao ho.

REQUÉRABLE, *adj*. Tokony hotakina, — halaina.

REQUÉRANT, ANTE, *adj*. et *s*. Mpitory, mpanaraka, mpamaky.

REQUÉRIR, *va*. 1° Mangataka. — la

force armée. *Mangataka* miaramila. Le créancier a requis la vente de la maison. Ny tompon-trosa *nangataka* mba hampanombana ny trano. 2°—, Mandidy, mila. Il l'a requis de faire cela. *Nandidy* azy mba hanao izany izy. Ce travail requiert de l'attention. *Mila* fitandremana izany asa izany.

REQUÊTE, *sf.* 1° Fitarainana. Il a présenté sa — au juge. Nanolotra ny *fitarainany* tamy ny mpitsara izy. 2°—, Fangatahana. Ayez égard à ma—. Aoka hoekenao ny *fangatahako.*

REQUIN, *sm.* Antsantsa.

REQUIS, ISE, *p.* et *adj.* Ampy. Il a l'âge—pour être admis. *Ampy* ny taonany handraisana azy.

RÉQUISITION, *sf.* 1° Fangatahana. 2° —, Fangatahana ataon' ny manam-pahefana, fakána. On a mis les chevaux en —. *Nangatahina, nalain' ny fanjakana* ny soavaly rehetra.

RÉQUISITOIRE, *sm.* Laha-teny ataon' ny andriambaventy mampanaraka ny lalána.

RESCIF, Voy. Récif.

RESCINDER, *va.* Manafoana. — un contrat. *Manafoana* fanekena.

RESCISION, *sf.* Fanafoanana.

RESCRIT, *sm.* Valin-teny fanapahana avy amy ny papa.

RÉSEAU, *sm.* 1° Harato madinika, lamba ba makarakara. 2°—, Zavatra mifanaretsaka. —de chemin de for. Lálamby *mifanaretsaka* amy ny fari-tany anankiray.

RÉSÉDA, *sm.* Zava-maniry mani-pofona.

RÉSERVE, *sf.* 1° Fitanana, fitahirizana, firaketana. fanokanana, fanaovana an-tratra. Il a laissé tous ses biens sans —. Namoy ny fananany rehetra izy ka tsy *nitana,* tsy *nitahiry* na inona na inona. Il a mis une forte somme en —. *Nitahiry, nirakitra, nanokana* vola be izy. 2°—, Zavatra tanana, — tahirizina, rakitra, fitaiza, fiandry, am-panevamena. Fusil de—. Basy atao *fitaiza.* Corps de —. Miaramila atao *fiandry.* Armée de—. Miaramila *am-panevamena.* 3° *fig.* Fahamalinana. Il parle avec —. Miteny amim-*pahamalinana* izy.

À la réserve, *loc. prép.* Afa-tsy.

RÉSERVÉ, ÉE, *adj.* Malina, mahatam-bava, mis rona. Une personne réservée. Olona *malina. mahatam-bava.* Il est trop — pour dire la vérité à sa femme. *Misorona* amy ny vavy izy.

RÉSERVER, *va.* Mitana, mitahiry, manokana, manao an-tratra. Il a vendu les fruits de son jardin, mais il s'est réservé cinq arbres. Nivarotra ny voankazo tao an-tanimboliny izy, nefa *nitana, nitahiry* foto-kazo dimy ho azy. J'ai reservé cet argent pour mon voyage. Efa *nitahiry, nanokana, nanao an-tratra* ity vola ity hoentiko mandeha aho. Dieu le réservait pour être le salut de la nation. Andriamanitra *nanokana* azy mba hamonjy ny fireneny.

Se réserver, *vpr.* Miandry. Je me réserve pour le rôti. *Miandry* ny tononkena aho.

RÉSERVISTE, *sm.* Miaramila ampanevamena.

RÉSERVOIR, *sm.* Dobo, kamory, fanangonan-drano.

RÉSIDANT, ANTE, *adj.* Monina, mitoetra.

RÉSIDENCE, *sf.* Fonenana, fitoerana, fipetrahana.

RÉSIDENT, *sm.* Residenta.

RÉSIDER, *vn.* 1° Monina, mitoetra, mipetraka. Il réside à Paris. *Monina,* etc., any Parisy izy. 2° *fig.* Misy, mitoetra. Là réside la difficulté. *Misy* zava-tsarotra ao. Toute l'autorité réside en lui. Ao aminy no *itoeran'* ny fahefana rehetra.

RÉSIDU, *sm.* Faika, taimanjiny. — de mélasse qui s'attache à la marmite. *Taimanjiny.*

RÉSIGNANT, *sm.* Olona mahafoy raharaha.

RÉSIGNATION, *sf.* 1° Fahafoizana, fanolorana. Il a fait — de ses droits à son frère. *Nahafoy, nanolotra* ny azy ho any ny rahalahiny izy. 2°—, Fanoloran-tena, fanekena, fandeferana. Il supporte ses malheurs avec —. Miaritra fahoriana amim-*pandeferana* izy.

RÉSIGNÉ, ÉE, *adj.* Manolo-tena, manaiky, mandefitra.

RÉSIGNER, *va.* Mahafoy, manolotra, mametraka. Il a résigné sa charge. *Nahafoy, nametraka* ny raharahany izy. — son âme à Dieu. *Manolotra, mametraka* ny fanahiny amin'Andriamanitra.

Se résigner, *vpr.* Manolo-tena, manaiky, mandefitra. Il se résigne à la volon-

té de Dieu. *Manolo-tena* ho amy ny sitra-pon' Andriamanitra. *manaiky* ny sitra-pon' Andriamanitra izy. Je me résigne à mon sort. *Mandefitra* ny anjarako aho.

RÉSILIATION, *sf.* Fanafoanana.

RÉSILIER, *va.* Manafoana. — un bail. *Manafoana* fanofana.

RÉSINE, *sf.* Karazan-ditin-kazo mora mirehitra, soloboto. — qui sert à souder. *Soloboto.*

RÉSINEUX, EUSE, *adj.* Misy dity mora mirehitra, hoatra ny ditin-kazo mora mirehitra. Arbre —. Hazo *misy dity mora mirehitra.* Odeur résineuse. Fofon-*ditin-kazo mora mirehitra.*

RÉSIPISCENCE, *sf.* Fivalozana. Il est venu à —. *Nivalo* izy.

RÉSISTANCE, *sf.* 1° Hamafy, fanoherana. Cette étoffe n'a point de —. Tsy *mafy* ity lamba ity. Les assiégés ont fait une longue —. *Nanohitra* ela dia ela ny natao fahirano. 2° *fig.* Fanoherana. || *loc.* Pièce de —. Vaingan-kena masaka.

RÉSISTER, *vn.* 1° Tsy laitra, maharitra, manohitra. Cette viande résiste au couteau. *Tsy laitry* ny antsy ity hena ity. Ce chapeau résiste à la pluie. *Maharitra* ranonorana ity satroka ity. L'armée résista courageusement. *Nanohitra* tamin-kerim-po ny tafika. 2° *fig.* Manohitra, mandefitra, maharitra. — à la tentation. *Manohitra* fakam-panahy. — à l'adversité. *Mandefitra* fahoriana. Il résiste à la fatigue. *Maharitra* hasasarana izy.

RÉSOLU, UE, *p.* et *adj.* 1° Levona, nolevonina, nanjary. 2°—, Voavaly, novaliana, tapaka, notapahina, raikitra, naraikitra. La question est résolue. *Tapaka* ny zavatra dinihina. L'entreprise est résolue. *Raikitra* ny raharaha nokasaina hatao. 3°—, Sahy, mahery fo. Il a un caractère —. *Sahy*, etc., izy.

RÉSOLUBLE, *adj.* Azo valiana. Problème —. Fanontaniana amy ny marika *azo valiana.*

RÉSOLUMENT, *adv.* Amim-pikasana raikitra, amin-kasahiana, amin-kerim-po.

RÉSOLUTIF, IVE, *adj.* Fandevonana.

—, *sm.* Fanafody fandevonana.

RÉSOLUTION, *sf.* 1° Fandevonana, fanjariana, fanafoanana. Cet emplâtre a opéré la — de la tumeur. *Nandevona* ny mivonto izany kataplasy izany. 2°—, Famaliana, fanapahana. 3°—, Fikasana, hasahiana, herim-po. Il a changé de —. Niova *fikasana* izy. Il a montré beaucoup de —. Nampiseho *hasahiana, herim-po* lehibe izy.

RÉSOLUTOIRE, *adj.* Mahafoana.

RÉSOLVANT, ANTE, *adj.* Fandevonana.

—, *sm.* Fanafody fandevonana.

RÉSONNANCE, *sf.* Faneno, feo.

RÉSONNANT, ANTE, *adj.* Mirohondrohona, manáko, maneno.

RÉSONNEMENT, *sm.* Firohondrohona, fanáko, faneno, fikotrokotroka, fiezinezina, fidoboka.

RÉSONNER, *vn.* Mirohondrohona, manáko, maneno, mikotrokotroka, miezinezina, midoboka. Cette église résonne bien. *Mirohondrohona, manáko* tsara ity trano leglizy ity. Cette cloche résonne bien. *Maneno* tsara io lakolosy io. Le canon résonne. *Mikotrokotroka, miezinezina* ny tafondro. Cette grosse caisse résonne bien. *Midoboka* mafy izany ampongabe izany.

RÉSORPTION, *sf.* Fandevonana. La — du pus. Ny *fandevonana* ny nana.

RÉSOUDRE, *va.* 1° Mandevona, mampanjary, manafoana. — une tumeur. *Mandevona* ny mivonto. Le feu résout le bois en cendre. Ny afo *mampanjary* ny hazo ho lavenona. —un contrat. *Manafoana* fanekena. 2°—, Mamaly, manapaka, mandraikitra, mikasa. —un problème. *Mamaly* fanontaniana amy ny marika. Qu'a-t-on résolu au conseil? Inona no *notapahina, naraikitra* tamy ny fivorian' ny mpanolo-tsaina? Il a résolu de partir. *Nikasa* handeha izy.

Se résoudre, *vpr.* 1° Levona, manjary, Le brouillard se résout en eau. *Levona* ho rano, *manjary* rano ny zavona. 2°—, Mikasa. A quoi vous résolvez-vous? Inona no *hasainao* hatao?

RESPECT, *sm.* 1° Fanajana, fanandriandrianana, hena-maso. Vous lui devez du —. Tsy maintsy *hanaja, hanandriandriana* azy hianao. Il inspire du—. *Mahamena-maso* izy. 2°—, Tahotra, henatra. Tenir quelqu'un en —. *Mampatahotra* olona. Le — humain fait commettre beaucoup de fautes. Mampanao fahotana betsaka ny *hena*-maso. 3°—, *pl.*

Veloma. Présentez-lui mes respects. Mampanao *veloma* azy aho.

RESPECTABLE, *adj*. Mendrika hohajaina, — handrianina, mahamena-maso. Homme —. Lehilahy *mendrika hohajaina*.

RESPECTER, *va*. 1° Manaja, manandriandriana, mena-maso. Respectez la vieillesse. *Manajà, manandriandriàna* ny antitra. 2° *fig*. Tsy manimba. Le temps l'a respecté. *Tsy nanimba* azy ny ela.

Se respecter, *vpr*. Manaja tena, mihaja, miandriandriana.

RESPECTIF, IVE, *adj*. Momba ny andaniny avy, — ny olona tsirairay avy, mifamaly.

RESPECTIVEMENT, *adv*. Samy. Ils ont présenté — leurs requêtes. *Samy* nanolotra ny fangatahany avy izy rehetra.

RESPECTUEUSEMENT, *adv*. Amim-panajana.

RESPECTUEUX, EUSE, *adj*. Manaja, mahay manaja, misy fanajana, menamaso olona. Elèves —. Mpianatra *manaja, mahay manaja, mena-maso olona*. Ce langage n'est pas —. Tsy *manaja*, tsy *misy fanajana* izany teny izany.

RESPIRABLE, *adj*. Azo iainana. Air —. Rivotra *azo iainana*.

RESPIRATION, *sf*. Fiainana, fakána aina, fakána fofon' aina. Les organes de la —. Ny organa *mampiaina*, — *akana aina*, — *akana fofon' aina*, dia ny lalan-drivotra sy ny avokavoka.

RESPIRATOIRE, *adj*. Momba ny fiainana.

RESPIRER, *vn*. 1° Miaina, maka aina, maka fofon' aina. Il est asthmatique, il a de la peine à —. Sohihina izy, ka mananosarotra raha *miaina*, etc. Il a cessé de —. Tsy *miaina* intsony izy. Souffrez que je respire. Avelao kely *haka aina* aho. 2° —, Manam-pofon' aina. Tout ce qui respire. Ny zavatra rehetra izay *manam-pofon' aina*. 3° *fig*. Miseho. L'amour du bien public respire dans toutes ses paroles. Ny fitiavany ta-hanasoa ny vahoaka *miseho* amy ny teny rehetra ataony.

—, *va*. 1° Miaina, maka rivotra. L'air que nous respirons. Ny rivotra *iainantsika*. Il est allé — l'air natal. Lasa *naka rivotra* any amy ny tany nahabe azy izy. 2° *fig*. Mampisehó. Ses yeux respirent la douceur. *Mampiseho* halemem-panahy ny fijeriny. 3° —, Mitsiriritra. Il ne respire que les combats. Tsy *mitsiriritra* afa-tsy ny ady izy.

Se respirer, *vpr*. Iainana. L'air se respire. Ny rivotra no *iainana*.

RESPLENDIR, *vn*. Mamirapiratra, manjelatra, manjopiaka.

RESPLENDISSANT, ANTE, *adj*. Mamirapiratra, manjelajelatra, maniopiapiaka. Lumière resplendissante. Fahazavana *mamirapiratra*, etc.

RESPLENDISSEMENT, *sm*. Famirapiratra, fanjelatra, fanjopiaka.

RESPONSABILITÉ, *sf*. Andraikitra, fiandraiketana, adidy, fiadidiana, fiantehana. Les parents ont la — de leurs enfants. Ny ray aman-dreny manana ny zanany ho *andraikitra*, ho *adidy*, *miandraikitra*, *miadidy* ny zanany.

RESPONSABLE, *adj*. Miandraikitra, miadidy, miantoka. Vous êtes — du dépôt qu'on vous a confié. *Andraikitrao, adidinao, antokao* ny zavatra napetraka tao aminao.

RESSAIGNER, *va*. Manala ra indray. — un malade. *Manala ra* olo-marary *indray*.

—, *vn*. Mandeha ra indray. Mes plaies ressaignent. *Mandeha ra indray* ny feriko.

RESSAISIR, *va*. Maka indray. Il a ressaisi le pouvoir. *Naka* ny fahefana *indray* izy.

RESSASSER, *va*. 1° Manasivana indray. — de la farine. *Manasivana* lafarina *indray*. 2° *fig*. Mandinidinika, mamerimberina. Ce procès a été ressassé. Efa *voadinidinika* izany ady izany. Il ne fait que — les mêmes choses. *Mamerimberin*-dava ny zavatra sasany izy.

RESSAUTER, *va*. Mitsambikina indray, mamikina —. Ressautez le fossé. *Mitsambikina, mamikina indray* ny hady.

—, *vn*. Mitsambikina indray, mamikina —. Il va —. *Hitsambikina, hamikina indray* izy.

RESSEMBLANCE, *sf*. Fitoviana, fifandraika, fifanahaka.

RESSEMBLANT, ANTE, *adj*. Mitovy, mifandraika, mifanahaka, lasitra iray.

RESSEMBLER, *vn*. Mitovy, mifandraika, mifanahaka, manahaka, lasitra iray. Ce fils ressemble à son père. *Mitovy, mifandraika, mifanahaka, lasi-*

tra iray amin-drainy, *manahaka* andrainy io zazalahy io.

Se ressembler, *vpr.* Mitovy, mifandraika, mifanahaka, lasitra iray.

RESSEMELAGE, *sm.* Fanisiana faladia tapaka.

RESSEMELER, *va.* Manisy faladia tapaka.

RESSEMER, *va.* Mamafy indray.

RESSENTIMENT, *sm.* Lolom-po.

RESSENTIR, *va.* Mandre, mahita, mahazo. Je ressens du malaise. *Reko* manetsetra ny tenako. Il ressentira les effets de ma colère. *Hahita* ny hatezerako izy. Je ressens une grande joie de votre retour. *Azon'* ny hafaliana lehibe aho noho ny niverenanao.

Se ressentir, *vpr.* 1° Mbola maharo mahararv. Je me ressens encore de ma blessure. *Mbola reko mahararary* hiany ny ratrako. 2°—, Mbola mitondra faisana, mbola mahazo soa. Le pays se ressent encore de la guerre. *Mbola mitondra faisana* hiany ny tany noho ny ady. Il se ressent de la bonne éducation qu'il a reçue. *Mbola mahazo soa* noho ny hatsaran'ny fianarana azony izy.

RESSERREMENT, *sm.* 1° Fanetena, fifanetena. fangejana, figejana, fangehezana. figehy. 2°—, Fanafohezana, hafohezana, fitohanana, fifintinana. 3° *fig.* Hamafy.

RESSERRER, *va.* 1° Manety, mangeja, mangehy. Resserrez cette ceinture. *Eteo, gejao, gehezo* ity etra ity. 2°—, Mametraka indray amy ny toerany. Resserrez mes habits dans l'armoire. *Apetraho* ao anaty lalomoara *indray* ireo akanjoko ireo. 3°—, Manafohy, mampitohana, mampifintina. Il faut — ce discours. Tokony *hohafohezina* izany laha-teny izany. Les coings resserrent le ventre. *Mampitohana* ny koaintsy. Le froid resserre les pores. *Mampifintina* ny hoditra ny hatsiaka. 4° *fig.* Manamafy. Cela a resserré leur amitié. *Nanamafy* ny fifankatiavan' izy ireo izany. L'avarice resserre le cœur. Ny fahihirana *manamafy* ny fo.

Se resserrer, *vpr.* 1° Mifanety, mihaety, migeja. 2°—, Manafohy teny, mitohana, mifintina. 3° *fig.* Mihamafy, mampihena ny lany.

RESSORT, *sm.* 1° Fievotra, flaina. Une branche pliée fait ressort. *Mievotra, miaina* ny rantsan-kazo nalefitra. 2°—, Vimiaina, fanoitra. Le — d'une montre. Ny *vimiainam*-pamantaranandro. Le — d'un fusil. Ny *fanoitram*-basy. 3° *fig.* Faharisihana, herim-po. C'est un caractère qui a du— *Marisika, mahery fo* izy. 4°—, Izay ahatanterahana. Il fait mouvoir toutes sortes de ressorts pour venir à ses fins Manao *izay* rehetra azony atao izy mba *hahatanterahany* izay nokendreny.

RESSORT, *sm.* 1° Fifehezana, raharaha. Cela n'est pas de mon —. Tsy ao anatin' ny *fifehezako*, tsy *raharahako* izany. 2°—, Fitsarana. Cette cour juge en dernier —. Manao ny *fitsarana* farany ambony ireo mpitsara ireo.

RESSORTIR, *vn.* 1° Mivoaka indray. Il ressort de prison. *Mivoaka* amy ny tranomaizina *indray* izy. Il est entré dans le jardin, et il en est ressorti. Niditra tao anaty zarday izy, ary *nivoaka* tao *indray*. 2° *fig.* Miseho, miharihary. Cette broderie ressort bien. *Miseho* tsara io amboridao io. Il ressort de ce que vous dites que.... *Mihariharv* araka izay voalazanao fa.....

RESSORTIR, *vn,* 1° Fehezina, raharaha. Cette affaire ressortit au tribunal de la ville. *Raharahan'* ny mpitsara ao an-tanàna izany. 2°—, Miafara. Tout dans la création ressortit à l'homme. Ny olombelona no *iafaran'* ny zavatra voary rehetra.

RESSORTISSANT, ANTE, *adj.* Fehezina, raharaha.

RESSOUDER, *va.* Maningina indray.

Se ressouder, *vpr.* Tsinginana indray.

RESSOURCE, *sf.* 1° Vonjy, famonjena, izay ahatanterahana. Dieu est ma seule—. Andriamanitra no *vonjiko* tokana. Il trouve toujours quelque—. Mahita mandrakariva izay *hamonjena* ny tenany, *izay hahatanterahan*-javatra izy. C'est un homme plein de—. Olona be hevitra *hahatanterahan*-javatra izy. 2°—, Zava-tsoa, harena. Ce pays présente des ressources. Misy *zava-tsoa* maro izany tany izany. Ville de ressources. Tanàna be *zavatra*. Il est sans —. Tsy manan-*karena* akory izy.

RESSOUVENIR (SE), *vpr.* Mahatsiaro, mahatsiahy, mahatadidy.

RESSOUVENIR, *sm.* Fahatsiarovana, fahatsiahivana, fahatadidiana.

RESSUSCITER, *va.* 1° Manangana amy ny maty, mahavelona indray. Notre-Seigneur ressuscita Lazare. Ny Tompontsi-

ka *nanangana* any Lazara *tamy ny maty, nahavelona* any Lazara *indray*. Ce remède l'a ressuscité. Izany fanafody izany *nahavelona* azy *indray*. 2° *fig*. Mamerina. — une vieille mode. *Mamerina* lamody antitra.

—, *vn*. Mitsangana amy ny maty. Nous ressusciterons un jour. *Hitsangana amy ny maty* isika indray andro any.

RESTANT, ANTE, *adj*. Sisa. Il est le seul — de cette famille. Honjohojon' izy irery no *sisa* amin'izany fianakaviana izany.

—, *sm*. Sisa.

RESTAURANT, ANTE, *adj*. Mampahatanjaka. Nourriture restaurante. Hanina *mampahatanjaka*.

—, *sm*. 1° Zavatra mampahatanjaka. 2° —, Tranom-bahiny.

RESTAURATEUR, TRICE, *s*. 1° Mpanamboatra. 2° *fig*. Mpanavao.

—, *sm*. Tompon'ny tranom-bahiny.

RESTAURATION, *sf*. 1° Fanamboarana. 2° *fig*. Fanavaozana, fampodiana ny taranak'andriana nanjaka teo aloha.

RESTAURER, *va*. 1° Mampahatanjaka, manamboatra. Ce bouillon m'a restauré. *Nampahatanjaka* ahy izany ro izany. — une église. *Manamboatra* trano legilizy. 2° *fig*. Manavao. Il restaura les lois. *Nohavaoziny* ny lalána.

Se restaurer, *vpr*. Homana, mihinana.

RESTE, *sm*. 1° Sisa, ambiny. Les restes du festin. Ny *sisa* tsy lany tamy ny fanasana. Voilà une pièce de cinq francs, payez-vous et rendez-moi le —. Indry vola farantsa ka alao amin' iny ny anao, ary avereno aty amiko ny *sisa*, ny *ambiny*. Le — dans une soustraction Ny *sisa* amy ny fangalana. 2° —, *pl*. Taolana. Les restes d'un grand homme. Ny *taolan'* ny olo-malaza anankiray. 3° *fig*. Il n'a pas demandé son —. Lasa nitsaitsaika izy.

De reste, *loc. adv*. Be loatra. Il a de la bonté de —. *Be loatra* ny halemem-panahiny.

Au reste, du reste, *loc. adv*. Kanefa, na dia izany aza.

RESTER, *vn*. 1° Sisa, ambiny. Il reste vingt francs. Ariary efatra no *sisa*, etc. 2° —, Mijanona, mitoetra, mipetraka. Il a resté deux jours à Paris. *Nijanona*, etc., indroa andro tany Parisy izy. Il a obtenu de l'avancement, et il n'en restera pas là. Efa nasondrotra izy, kanefa tsy *hijanona* amin' izany. Voy. Demeurer.

RESTITUABLE, *adj*. Tokony honerana, — haverina.

RESTITUER, *va*. 1° Manonitra, mamerina. — le bien d'autrui. *Manonitra*, etc., ny fananan'olona. 2° —, Mamerina amy ny toetrany voalohany. — le texte d'un ouvrage. *Mamerina* ny tenim-boky *amy ny toetrany voalohany*.

RESTITUTION, *sf*. 1° Fanonerana, famerenana. 2° —, Famerenana amy ny toetrany voalohany.

RESTREINDRE, *va*. Mampihena, mametra. Il a restreint ses demandes. *Nampihena* ny fangatahany izy. On a restreint aujourd'hui l'usage de ce mot. Efa *nahena, noferana* ny hevitr' izany teny izany ankehitriny.

Se restreindre, *vpr*. Tsy manao afa-tsy, tsy mangataka —. Je pourrais demander le tout, mais je me restreins à la moitié. Azoko angatahina avokoa izy, nefa *tsy mangataka afa-tsy* ny antsasany aho.

RESTRICTIF, IVE, *adj*. Mampihena, mametra.

RESTRICTION, *sf*. Fampihenána, famerana, fetra. On a mis quelque — à la loi. *Noferana*, nasiana *fetra* ny lalána ‖ *loc*. — mentale. Fanaovana teny misarontsarona hamitahana olona.

RÉSULTAT, *sm*. Vokatra, zavatra ateraka, — avy. Voilà quel fut le — de la dispute. Hevero fa izany no *vokatra, zavatra nateraky* ny fifandirana, *zavatra avy* amy ny fifandirana.

RÉSULTER, *vn*. Vokatra, ateraka, avy.

RÉSUMÉ, *sm*. Fotopototra, ventin-teny. Comme Abrégé.

En résumé, *loc. adv*. Amy ny farany.

RÉSUMER, *va*. Milaza amy ny teny fohifohy, milaza ny fotopototra Il a bien résumé ce discours. *Nilaza* tsara *ny fotopototr'* izany laha-teny izany izy.

Se résumer, *vpr*. Mamaran-teny.

RÉSURRECTION, *sf*. Fitsanganana amy ny maty, fahasitranana tsy nampoizina.

RÉTABLIR, *va*. 1° Mamerina amy ny toetrany taloha, manamboatra, mampanaritra. On l'a rétabli dans son emploi. *Naverina amy ny* raharahany taloha izy. Il fait — sa maison. *Mampanamboatra* ny tranony izy. Ce remède l'a rétabli. *Nampanaritra* azy

izany fanafody izany. 2° *fig.* Manavao. On rétablit le commerce par ce traité. *Nohavaozina* tamin' izany fanekem-pihavanana izany ny varotra.

Se rétablir, *vpr.* 1° Manaritra. 2° *fig.* Miantomboka indray.

RÉTABLISSEMENT, *sm.* 1° Famerenana amy ny toetra taloha, fiverenana —, fanamboarana, fanaretana. 2° *fig.* Fanavaozana.

RETAILLER, *va.* Manety indray, mandranitra —, mandidy —.

RETAPER, *va.* Manasa satroka.

RETARD, *sm.* Fahelana, fitaredretra, fiatoatoana, fiaoriana, fiadana. Vous êtes en —, nous vous attendons depuis une demi-heure. *Ela, aoriana* loatra hianao, ka niandry anao efa ho antsasak' adiny izahay. Partez sans—. Mandehana ka aza *mitaredretra, miatoato.* Votre montre est en —. *Miaoriana, miadana* ny famantaranandronao.

RETARDATAIRE, *adj.* et *s.* Mpitaredretra, mpiatoato, diso fotoana.

RETARDATEUR, TRICE, *adj.* Mampiadana. Force retardatrice. Hery *mampiadana.*

RETARDEMENT, *sm.* Fampihemorana, fanemorana, fihemorana, fahelana, fitaredretra, fiatoato.

RETARDER, *va.* Mampihemotra, manemotra, mahela, mampitaredretra, mampiatoato, mampiaoriana, mampiadana. Il retarde toujours ses payements. *Mampihemotra, manemotra* lalandava ny andro andoavany trosa izy. Le mauvais temps a retardé notre marche. Ny haratsian' ny andro *nahela, nampitaredretra, nampiatoato* ny dianay. — une montre. *Mampihemotra, mampiaoriana, mampiadana* famantaranandro.

—, *vn.* Miaoriana, miadana.

Se retarder, *vpr.* Mitaredretra, miatoato, miaoriana.

RETEINDRE, *va.* Manóka indray, manasóka anatin' ny ranon-doko indray.

RETENDRE, *va.* Manenjana indray, mamelatra —.

RETENIR, *va.* 1° Mitana, mihazona, mitahiry, misakana, manemotra. — le bien d'autrui. *Mitana, mihazona* ny fananan' olona. —le salaire d'un ouvrier. *Mitana, mihazona* ny karaman' ny mpiasa anankiray. Il a retenu l'usufruit de ses terres. *Nitana, nihazona, nitahiry* ny vokatry ny taniny izy. Le gouvernement retient deux pour cent. Ny fanjakana *mihazona* roa isan-jato. Retenez-le à diner. *Tano, hazony* hisakafo izy. Il n'a pu—ses larmes. Tsy *nahatana,* tsy *nahazona* ny ranomasony izy. Il allait le tuer, si je ne lui eusse retenu le bras. Saika nahafaty azy izy, raha tsy *notanako, nohazoniko* ny sandriny. Si la crainte de Dieu ne me retenait.... Raha tsy *sakanan'* ny fahatahorana an' Andriamanitra aho..... La vache retient son lait. *Manemo*-dronono ny ombivavy. 2°—, Mampandeha, mahazo. Je pose 7 et je retiens 2. 7 no apetrako ary 2 *mandeha.* J'ai retenu une place à l'église. Efa *nahazo* toerana ao antrano leglizy aho. 3°—, Mahatsiaro, mahatadidy. Il retient tout ce qu'il entend. *Mahatsiaro,* etc., ny zavatra rehetra reny izy.

Se retenir, *vpr.* 1° Mamikitra, misarangotra, mamahatra, mamahana. Il s'est retenu aux branches. *Namikitra, nisarangotra, namahatra* tamy ny rantsankazo izy. Il s'est retenu au bord du précipice. *Namahatra, namahana* teo amoron-tevana izy. 2°—, Mahatan-tena, mahatsindry fo, mahonon-tena. Il allait le frapper, mais il s'est retenu. Saika namely azy izy, faingy *nahatan-tena,* etc. 3°—, Miaritra. Vous ne pouvez satisfaire ici à vos besoins, retenez-vous. Tsy azonao ivoahana aty, fa *miareta.*

RÉTENTION, *sf.* 1° Fitanana, fihazonana, fitahirizana. 2°—, Anga-maty. — d'urine. *Anga-maty.*

RETENTIR, *vn.* 1° Mirohondrohona, manáko, maneno, mikotrokotroka, miezinezina, mitatatata. La salle retentit des applaudissements. *Mirohondrohona, manáko* ny trano noho ny tehaka. La trompette retentit. *Maneno* ny trompetra. Ce coup de tonnerre a retenti dans toute la vallée. Izany kotro-baratra izany *nirohondrohona,* etc., eran' ny lohasaha manontolo. 2° *fig.* Manehoeho, mangetriketrika, makotroka. Ses louanges retentissent dans tout l'univers. *Manehoeho,* etc., eran' ny tany rehetra ny fiderana azy.

RETENTISSANT, ANTE, *adj.* Mirohondrohona, manáko, maneno, mikotrokotroka, miezinezina, mitatatata.

RETENTISSEMENT, *sm.* 1° Firohondrohona, fanáko, faneno, fikotrokotroka,

tiezinezina, fitatatata. 2° *fig.* Fanehocho, fangetriketrika.

RETENU, UE, *p.* et *adj.* 1° Voatana, notanana, voahazona, nohazonina, voatahiry, notahirizina, voasakana, nosakanana. 2°—, Mahatan-tena, mahatam-bava, mahalala onony, malina. Personne modeste et retenu. Olona maotona sady *mahatan-tena*, etc.

RETENUE, *sf.* 1° Fahatanan-tena, fahatanam-bava, fahalalana onony, fahamalinana. 2°—, Fihazonana. La — est de trois pour cent. Ariary telo isan-jato no *hazonina.*

RÉTICENCE, *sf.* Fanafenan-kevitra, fanaovana am-po, teny tsy loa-body.

RÉTIF, IVE, *adj.* 1° Mitokona, mihenahena. Âne —. Boriky *mitokona*, etc. 2° *fig.* Mitokona, mihenahena, mitokozihitra. Il a un caractère —. *Mitokona*, etc., izy.

—, *s.* Mpitokona.

RETIRÉ, ÉE, *adj.* Mangingina, mipetrapetraka ho azy. Lieu —. Fitoerana *mangingina*. Il mène une vie retirée. *Mipetrapetraka ho azy* izy.

RETIREMENT, *sm.* Fisintonana, fikainkonana. Le — des nerfs. Ny *fisintonana*, ny *fikainkonan'* ny hozatra.

RETIRER, *va.* 1° Mandefa indray. On retire le canon. *Alefa indray* ny tafondro. 2°—, Manemotra, manakemo, manaisotra, manatsoaka. Retirez votre main. *Ahemory, akemoy* ny tánanao. J'ai retiré mon enfant du collège. *Nesoriko, notsoahako* tao amy ny kolejy ny zanako. — sa parole. *Mitsoa*-teny. 3°—, Maka, mahazo. Il m'a retiré chez lui. *Naka* ahy ho any an-tranony izy. Il a retiré son argent. *Naka* ny volany izy. Il retire de grands profits de ce domaine. *Mahazo* tombony be amin' izany saha izany izy.

Se retirer, *vpr.* 1° Miala, miesotra, mankany, mandeha, lasa. Il s'est retiré de la ville. *Niala* tao an-tanána izy. Retirez-vous de là. *Mialá, miesora* eo hianao. Il s'est retiré des affaires. *Niala, niesotra* tamy ny raharaha izy. Il s'est retiré en pays étranger. *Nankany, nandeha, lasa* amy ny fanjakana hafa izy. 2°—, Miditra, mody, miverina. Il s'est retiré dans sa chambre. *Niditra* tao an-tranony izy. Il s'est retiré avant dix heures. *Nody, niverina* talohan' ny folo izy. 3°—, Misintona, mikainkona, mihemotra. Ses nerfs se retirent. *Misintona, mikainkona* ny hozany. La mer se retire. *Misintona, mihemotra* ny ranomasina. Cette toile se retire au blanchissage. *Mihemotra* itony lamba itony raha sasana.

RETOMBER, *vn* 1° Lavo indray, potraka—, mihonaka—. Le cheval est retombé. *Lavo, potraka indray* ny soavaly. On le croyait guéri, il est retombé. Efa nampoizina ho sitrana izy, kanjo *nihonaka* indray. 2°—, Latsaka. La balle est retombée en cet endroit. *Latsaka* atsy ny bala. 3° *fig.* Milatsaka, mihatra, miverina, miantonta, mianjera. Il retombe toujours dans son péché. *Milatsaka* mandrakariva ao anatin' ny fahotana mahazatra azy izy. La honte en retombera sur vous. Ny henatra avy amin' izany *hihatra, hiverina, hiantonta, hianjera* aminao.

RETONDRE, *va.* Manety indray.

RETORDRE, *va.* Manolana indray, manady.

RÉTORQUER, *va.* Mamotitra tenin' olona hamelezana azy. —une preuve. *Mamotitra* porofo nataon' olona *hamelezana azy.*

RETORS, ORSE, *p.* et *adj.* 1° Naolanolana, voatady. Soie retorse. Lasoa *voatady.* 2° *fig.* Homme —. Fetsilahy, konjolahy, fiharatra.

RETOUCHE, *sf.* Fanamboarana.

RETOUCHER, *va.* 1° Mikasika indray. 2°—, Manamboatra. — un tableau. *Manamboatra* sary. — un ouvrage. *Manamboatra* laha-tenim-boky.

RETOUR, *sm.* 1° Fiverenana, fodiana, fitsingerenana, fiherenana, fiolikolika. Je songe à mon —. Mihevitra *hiverina, hody* aho. Le — du printemps. Ny *fiverenana, fitsingerenana, fiherenan'* ny lohataona. Les tours et retours d'une rivière. Ny *fiverimberenana, fiolikoliky* ny renirano. 2°—, Tovona, sanda. Je vous donnerai trente francs de —. Homeko *tovony, sandany* ariary enina hianao. 3° *fig* Fiverenana, fandinihana, fiovaovana, fihanterana. Il a fait un sincère — vers Dieu. *Niverina* tamin' Andriamanitra tokoa izy. Faire un — sur soi-même. *Mandinika* ny ao am-pony. La fortune a ses retours. *Miovaova* ny fanambinana. Le temps passe sans —. Mandalo tsy *miverina* intsony ny andro. Etre sur le —. *Mihantitra.* 4°—, Valy, fankasitrahana. L'amitié demande du —. Mila *valiny* ny

fitiavana. N'attendez de lui aucun —. Aza manantena *valy*, etc., aminy velively. 5° —. Hafetsena. Ce sont ses retours ordinaires. *Hafetsena* fanaony izany.

RETOURNE, *sf.* Karatra faravato.

RETOURNER, *va.* Mamadika, miasa. — une robe. *Mamadika* zipo. — la terre. *Mamadika, miasa* tany

—, *vn* 1° Miverina, mody. Il est retourné dans son pays. *Niverina*, etc., any amy ny tanin-drazany izy. 2° —. Karatra faravato. De quoi retourne-t-il ? Inona no *karatra faravato*; *fig.* manao ahoana ny toe-draharaha ? Il retourne cœur. Samamena no *karatra faravato*. 3° *fig.* Miverina. — à Dieu. *Miverina* amin' Andriamanitra.

Se retourner, *vpr.* 1° Mitodika, miherika, mihodina, mitsimbadimbadika. Quand je l'appelai, il se retourna. Nony nantsoiko izy, dia *nitodika, niherika, nihodina*. Il ne fait que se — dans son lit. *Mitsimbadimbadika* lalandava ao am-pandriana izy. 2° —, Miverina, mody. Retournez-vous-en. *Miverena, modia.*

RETRACER, *va.* 1° Manoritra indray. 2° *fig.* Mitantara, mampahatsiaro. — les événements. *Mitantara*, etc., ny zavatra niseho.

Se retracer, *vpr.* Mahatsiaro, tsaroana Je m'en retrace l'image. *Tsaroako* ny endriny. Ce fait se retrace à mon esprit. *Tsaroako* ao an-tsaina izany zavatra niseho izany.

RÉTRACTATION, *sf.* Fiekena ho diso. Il a fait une — sincère. *Niaiky ho diso* tokoa izy.

RÉTRACTER, *va.* Miaiky ho diso. Il a rétracté ses erreurs. *Niaiky ho diso* hevitra izy.

Se rétracter, *vpr.* Miaiky ho diso.

RÉTRACTILE, *adj.* Misintona, mikainkona. Le chat a les ongles rétractiles. Manan-'oho *mikainkona* ny saka.

RÉTRACTION, *sf.* Fisintonana, fikainkonana. La — des muscles. Ny *fisintonana*, ny *fikainkonan'* ny hozatra.

RETRAIT, *sm* 1° Fifintina, fihenána. Le — du mortier fait gercer les enduits. Ny *fifintina*, etc., ny lalotra mampitriatriatra azy. 2° —, Fanemorana. Il a ordonné le — de ce projet de loi. Nasainy *hahemotra* izany laléna nokasaina hatao izany.

RETRAIT, AITE, *adj.* Mahia, maivana. Riz —. Vary *mahia*, etc.

RETRAITE, *sf.* 1° Fiverenana, fodiana. Songeons à la —. Aoka hioman-*hiverina, hody* isika. Les ennemis ont battu en —. Lasa *niverina, nody* ny fahavalo. Le clairon a sonné la —. Niantso *hiverina, hody* ny bingona. 2° —, Fipetrapetrahana ho azy, fitokanana hivavaka, fierena. Il vit dans la —. *Mipetrapetraka ho azy* izy. Il s'est bâti une — à la campagne. Nanorina trano *hipetrapetrahana ho azy* any an-tsaha izy. Il fait une — de huit jours. *Mitokana hivavaka* havaloan' andro izy. Ce lieu sert de — aux animaux sauvages. Ao no *fieren'* ny biby dia. 3° —, Vola omen' ny fanjakana isan-taona ho an' izay napetraka hisotro ronono.

RETRAITÉ, ÉE, *adj.* et *s.* Olona napetraka hisotro ronono sady omena vola isan-taona. Officier —. Manamboninahitra *napetraka hisotro ronono sady omena vola isan-taona.*

RETRAITER, *va.* Mametraka hisotro ronono sady manome vola isan-taona.

RETRANCHEMENT, *sm.* 1° Fanesorana. 2° —, Fiarovana. Un marais peut être un —. Indraindray mety ho *fiarovana* ny hotsaka. 3° *fig.* Forcer quelqu'un dans ses derniers retranchements. Manafoana ny porofo rehetra ataon' olona, mandresy lahatra olona.

RETRANCHER, *va.* 1° Manesotra. On lui a retranché de ses appointements. *Nanesorana* ny karamany. — une fête. *Manesotra* fety anankiray. 2° —, Mandrara. Le médecin lui a retranché le vin. Ny dokotera *nandrara* azy tsy hisotro divay. 3° —, Manao fiarovana. Il retrancha son armée sur une colline. *Nanao fiarovana* ho any ny miaramilany tao amy ny havoana izy.

Se retrancher, *vpr.* 1° Mampihena. Il s'est retranché à la moitié de sa dépense. *Nampihena* ny laniny ho very sasaka izy. 2° —, Manao fiarovana, mialoka. Se — derrière un mur. *Mialoka* ao ivohon' ny ampiantany. 3° *fig.* Miaro tena. Il se retranche dans un silence mystérieux. *Miaro tena* amy ny fanginana mahagaga izy.

RETRANSCRIRE, *va.* Mandika soratra indray. — son devoir. *Mandika indray* ny nosoratany.

RETRAVAILLER, *vn.* Manao in-

dray. Il retravaille à son ouvrage. *Manao* ny lahasany *indray* izy.
—, *va*. Mandamina indray. Il retravaille son discours. *Mandamina* ny laha-teniny *indray* izy.
RETRAVERSER, *va*. Mamaky indray. L'armée retraverse la plaine. *Mamaky* ny tany lemaka *indray* ny tafika.
RÉTRÉCI, IE, *adj*. Fohy hevitra, fohy saina. Il a des vues rétrécies. *Fohy hevitra*, etc., izy.
RÉTRÉCIR, *va*. 1° Manety, mampifintina, mampihemotra. —un chemin. *Manety* lálana. Le froid rétrécit les corps. Ny hatsiaka *mampifintina* ny tenan-javatra. 2° *fig*. Mahakely saina. Cela lui a rétréci l'esprit. *Nahakely saina* azy izany.
—, *vn*. Mihaety, mifintina, mihemotra. La toile rétrécit au lavage. *Mihemotra* ny lamba raha sasana.
Se rétrécir, *vpr*. Mihaety, mifintina, mihemotra.
RÉTRÉCISSEMENT, *sm*. 1° Haety, fihaety, fifintina, fihemotra. 2° *fig*. Hafohezan-kevitra.
RETREMPER, *va*. 1° Mandroboka indray, manatsoboka —, manofana —, manóka —. —du linge dans l'eau. *Mandroboka, manatsoboka* lamba any anaty rano *indray*. —du fer. *Manofana* vy *indray*. —une étoffe dans la teinture. *Manóka* lamba indray. 2° *fig*. Mankahery fo. Le malheur a retrempé son âme. Ny fahoriana *nankahery* ny fony.
Se retremper, *vpr*. Mihamahery fo.
RÉTRIBUÉ, ÉE, *adj*. Misy karama, misy vola. Emploi —. Raharaha *misy karama*, etc.
RÉTRIBUER, *va*. Manome karama.
RÉTRIBUTION, *sf*. Karama.
RÉTROACTIF, IVE, *adj*. Mahatratra ny lasa. La loi n'a point d'effet —. Ny lalána tsy *mahatratra ny lasa*.
RÉTROACTION, *sf*. Fahatratrarana ny lasa.
RÉTROACTIVITÉ, *sf*. Fahatratrarana ny lasa.
RÉTROCÉDER, *va*. Mamerina.
RÉTROCESSION, *sf*. Famerenana.
RÉTROGRADATION, *sf*. Fiverenana, fihemorana. La — d'une planète. Ny *fiverenana*, etc., ny planeta.
RÉTROGRADE, *adj*. 1° Miverina, mihemotra. 2° *fig*. Idées rétrogrades. Hevitra antitra.
RÉTROGRADER, *vn*. Miverina, mihemotra. L'armée rétrograda. *Niverina*, etc., ny tafika.
RÉTROSPECTIF, IVE, *adj*. Mitodika ny lasa.
RETROUSSÉ, ÉE, *adj*. Miforitra, miolika, lesoka. Ce chien a la queue retroussée. *Mioli*-drambo io alika io. Il a le nez —. Tendro *lesoka* izy.
RETROUSSEMENT, *sm*. Famoretana.
RETROUSSER, *va*. Mamoritra, manainga. Retroussez votre robe. *Aforeto, aingao* ny ziponao. Retroussez vos manches. *Aforeto* ny tánan' akanjonao.
Se retrousser, *vpr*. Manainga akanjo.
RETROUVER, *va*. 1° Mahita indray. L'hirondelle retrouve son nid. *Mahita* ny tranony *indray* ny sidintsidina. J'ai retrouvé ma montre. Efa *hitako indray* ny famantaranandroko. 2°—, Mihaona indray. Je viendrai vous —. Ho avy *hihaona* aminao *indray* aho. 3° *fig*. Mahita. Je retrouve en lui les qualités de son père. *Hitako* ao aminy ny hatsarampanahin-drainy.
Se retrouver, *vpr*. 1° Hita indray, mahita lálana indray. 2°—, Mifankahita indray, mihaona —. Ils se retrouvèrent à Tamatave. *Nifankahita indray*, etc., tao Toamasina izy ireo. 3° *fig*. Afaka ahiahy.
RETS, *sm*. 1° Harato, 2° *fig*. Fandrika, fitaka.
RÉUNION, *sf*. 1° Fikombonana, fikatonana. La — des lèvres d'une plaie. Ny *fikombonana*, ny *fikatonan'* ny vava fery. 2°—, Fampikambanana, fikambanana, fanangonana. fiangonana, famoriana, fivoriana. Il vient souvent à nos réunions. Tonga matetika ao amy ny *fiangonantsika, fivoriantsika* izy. 3° —, Fampifanarahana, fifanarahana.
RÉUNIR, *va*. 1° Manakombona, manakatona. 2°—, Mampitohy, mampikambana, manangona, mamory. Le cou réunit la tête au corps. Ny vozona *mampitohy, mampikambana* ny loha amy ny vatana. — les eaux de plusieurs sources. *Mampikambana, manangona, mamory* rano avy amy ny loharano maro. 3°—, Mampifanaraka. Cela a réuni les deux partis. *Nampifanaraka* ny andaniny roa tonta izany.
Se réunir, *vpr*. 1° Mikombona, mikatona 2° —, Mikambana, miangona, mivory. Les deux armées se réunirent. *Ni-*

kambana ny tafika roa tonta. Nous nous réunissons une fois par semaine. *Miangona, mivory* indray maka isan-kerinandro izahay.

RÉUSSI, IE, *adj.* Vita tsara. Tableau —. Sary *vita tsara*.

RÉUSSIR, *vn.* Ambinina, mahomby, vita tsara, vanona. Il a réussi dans son entreprise. *Nambinina* tamy ny raharahany izy. Cet avocat réussit. *Mahomby* io mpisolo vava io. Cette affaire a bien réussi. *Vita tsara* izany raharaha izany. Ce projet n'a pas réussi. Tsy *nahomby*, tsy *vanona* izany fikasana izany. Les fruits n'ont pas réussi. Tsy *vanona* ny voankazo.

—, *va.* Mahavita tsara. Il a réussi ce portrait. *Nahavita tsara* io sarin' olona io izy.

RÉUSSITE, *sf.* Fanambinana, fahombiazana, fahavitana tsara, fahavanonana.

REVACCINER, *va.* Manao vaksina indray.

REVALIDATION, *sf.* Fampahatongavana ho marina.

REVALIDER, *va.* Mahatonga ho marina, mahatonga ho izy.

REVANCHE, *sf.* 1° Famaliana. On l'avait frappé, mais il a pris sa —. Nisy olona nikapoka azy, fa *namaly* kosa izy. 2° —, Fivaly faty. Je prendrai ma —. Mbola *hivaly faty* aho.

En revanche, *loc. adv.* Ho valy.

RÊVASSER, *va.* 1° Manonofinofy. Il a rêvassé toute la nuit. *Nanonofinofy* nandritra ny alina izy. 2° *fig.* Mihevitrevitra. — à quelque chose. *Mihevitrevijavatra.*

RÊVASSERIE, *sf.* 1° Fanonofinofisana, nofinofy. 2° *fig.* Hevi-dravina.

RÊVASSEUR, EUSE, *s.* 1° Mpanonofinofy. 2° *fig.* Mpanao hevi-dravina.

RÊVE, *sm.* 1° Nofy. 2° *fig.* Hevi-dravina, nofy. Il se nourrit l'esprit de rêves. Manao *hevi-dravina* izy. Ce projet n'est qu'un beau —. *Hevi-dravina, nofy* fotsiny izao izany fikasana izany.

REVÊCHE, *adj.* Sarotra entina, kitokitoina. Il a un caractère —. *Sarotra entina,* etc., izy.

RÉVEIL, *sm.* 1° Fifohazana. 2° —, Famohazana, famohamandry.

RÉVEILLE-MATIN, *sm.* Famohamandry.

RÉVEILLER, *va.* 1° Mamoha, mampifoha, mampahatsiaro, manaitra. — ses camarades. *Mamoha,* etc., ny namany. Une prise de tabac le réveille. Vovo-paraky indray mitsingina ampy *hanaitra* azy. 2° *fig.* Manaitra, mamoha, manetsika, mamelona indray, mampa . ., mampi.... Il ne faut pas — le chat qui dort. Aza *manaitra* amboa mandry. — des souvenirs fâcheux. *Mamoha* fota-mandry. — un procès. *Manetsika* ady. Cela réveilla le courage des soldats. *Namelona* ny herim-pon' ny miaramila *indray* izany. Ce mets réveille l'appétit. *Mampa*zoto homana izany nahandro izany.

Se réveiller, *vpr.* 1° Mahatsiaro, taitra. 2° *fig.* Mifoha, mihetsika, velona indray.

RÉVEILLON, *sm.* Sakafo kely amy ny alina.

RÉVÉLATEUR, TRICE, *s.* Mpanambara.

RÉVÉLATION, *sf.* Fanambarana. Les révélations de saint Jean. Ny *fanambarana* nataony Md. Joany. Croire à la —. Mino ny *fanambarana.*

RÉVÉLER, *va.* Manambara, mampiseho, mamosaka. Il a révélé le complot. *Nanambara* ny teti-dratsy izy.

Se révéler, *vpr.* Miseho, miposaka. Sa méchanceté se révèle. *Miseho,* etc., ny hasomparany.

REVENANT, *sm.* Matoatoa, dindo. Il a peur des revenants. Matahotra *matoatoa* izy. Chasser les revenants. Mamono *dindo.*

REVENDEUR, EUSE, *s.* Mpanatsinjara.

REVENDICATION, *sf.* Fanarahana.

REVENDIQUER, *va.* Manaraka. — un héritage. *Manara*-dova.

REVENDRE, *va.* 1° Mivarotra indray, amidy indray, manatsinjara. Il achète pour —. Mividy mba *hamidiny indray, hotsinjaraina* izy. 2° *fig.* Ne vous fiez pas à lui, il vous en revendrait. Aza matoky azy, fa hametsy anao izy.

REVENIR, *vn.* 1° Miverina, mody, mitampody. Revenez nous voir. *Miverena* mamangy anay, mba mamangivangia. Il revient dans sa patrie. *Miverina, mody* any amy ny tanin-drazany izy. Il était parti ce matin, il est revenu. Niainga aninaraina izy, ka *niverina, nody* androany hiany, *nitampody.* 2° —, Maniry indray, miseho —, miseho, tsaroana indray, re. Les plumes reviennent à cet oiseau. *Maniry indray* ny

volon'io verona io. Les chaleurs reviennent. *Miseho indray* ny hafanana. Des esprits reviennent dans cet endroit. Miey matoatoa *miseho* ao. Cette histoire me revient. *Tsaroako indray* izany tantara izany. Il me revient que vous vous plaignez de moi. *Reko* fa mitaraina noho ny nataoko hianao. 3° —, Mampandrezatra. L'ail me revient. *Mampandrezadrezatra* ahy ny tongolo-gasy. 4°—, Manaritra. Il n'en reviendra pas. Tsy *hanaritra* izy. 5°—, Azo, lafo. Le profit qui m'en revient est médiocre. Kely ny soa *azoko* amin'izany. Ce livre revient à cinq francs. *Lafo* ariary io boky io. 6° *fig.* Tiana. Ses manières me reviennent. *Tiako* ny fanaony. 7°—, Miverina, miresaka indray, miova, miova hevitra, mionona, mahatsiaro. On a beau le rebuter, il revient à la charge. Na dia akifakifaka aza izy, dia mbola *miverina* amin'izay angatahiny hiany. Je reviens à ce que nous disions. *Miverina* amin'izay noresahintsika aho. Je reviens à ma première idée. *Miverina* amy ny hevitro voalohany aho. Revenons sur cette affaire. Aoka *horesahintsika indray* izany raharaha izany. Il est revenu de ses opinions. *Niova* hevitra izy. Il est revenu sur ce qu'il avait dit. *Niova hevitra* tamy ny zavatra voalazany izy. Je suis bien revenu sur son compte. *Niova hevitra* tamy ny zavatra momba azy aho. La colère l'emporta, mais il revint à lui presque aussitôt. Azon' ny hatezerana izy, fa nalaky *nionona*. Je ne reviens pas de ma surprise, je n'en reviens pas. Tsy mety *mionona* ny hagagako. — à soi. *Mahatsiaro* tena.

REVENTE, *sf.* Fivarotana indray.

REVENU, *sm.* Vokatra na vola azo isan-taona. Une terre de bon —. Tany *mahavokatra* be. Il a un — de cinq mille francs. *Mahazo* arivo *isan-taona* izy.

RÊVER, *vn.* 1° Manonofy. 2° *fig.* MiredirEdy, varivariana, manonofy. Vous rêvez. *MiredirEdy* hianao. Il rêve en se promenant. *Varivariana* izy raha mitsangantsangana. Il ne vous écoute pas, il ne fait que —. Tsy mihaino anao izy, fa *varivarian*-dava. Il rêve tout éveillé. *Manonofy* tsy matory izy.

—, *va.* 1° Manonofy. 2° *fig.* Mieritreritra, mitsiriritra. Il rêve quelque projet. *Mieritreritra* zavatra kasaina hatao izy. Il rêve la gloire. *Mitsiriri*-boninahitra izy.

RÉVERBÉRATION, *sf.* Fitarafana, fitehafana, fiverenana.

RÉVERBÈRE, *sm.* 1° Zavatra mitehaka ny fahazavana ao amy ny fanaovanjiro. 2°—, Fanala amy ny araben-dálana.

RÉVERBÉRER, *va.* Taratina, mitehaka, mamerina. Les plaques de fer réverbèrent la chaleur du feu. Ny takelaby *mitehaka, mamerina* ny hafanan' ny afo. Voy. RÉFLÉCHIR.

—, *vn.* Mitaratra, tehafina, averina. Les rayons du soleil réverbèrent contre cette plaque de fer-blanc. *Tarafin'* ny masoandro io takela-bifotsy io, *tehafina, averin'* io takela-bifotsy io ny tsirim-pahazavana.

REVERDIR, *va.* Manamaitso indray. — des fenêtres. *Manamaitso* varavaran-kely *indray.*

—, *vn.* 1° Mihamaitso indray. Les plantes reverdissent. *Mihamaitso indray* ny zava-maniry. 2° *fig.* Mihamatanjaka indray, mihatanora. Ce vieillard reverdit. *Mihamatanjaka indray*, etc., io lahiantitra io.

REVERDISSEMENT, *sm.* Fihamaitso.

RÉVÉRENCE, *sf.* 1° Fanajana. Parler de Dieu avec —. Miteny an'Andriamanitra amim-*panajana.* 2°—, Fiondrehana, fiarahabana, fanaovam-beloma. Faire la —. *Miondrika, miarahaba.* Je lui tirai ma—. Nanao *veloma* azy aho.

RÉVÉRENCIELLE, *adj. f.* Crainte—. Hena-maso ny ray aman-dreny.

RÉVÉRENCIEUSEMENT, *adv.* Amim-panajana.

RÉVÉRENCIEUX, EUSE, *adj.* Manajahaja, mampiseho fanajana, be angesongeso.

RÉVÉREND, ENDE, *adj.* et *s.* Mendrika hohajaina, reverenda.

RÉVÉRENDISSIME, *adj.* Mendrika hohajaina indrindra.

RÉVÉRER, *va.* Manaja.

RÊVERIE, *sf.* 1° Eritreritra, fieritreretana. 2°—, Hevi-dravina, saim-potsy, rediredy be.

REVERNIR, *va.* Manosotra varinesy indray.

REVERS, *sm.* 1° Voho, ambadika. Le —de la main. Ny *vohon*-tánana. Le— d'un feuillet. Ny *ambadiky* ny takelataratasy. Le — d'une montagne. Ny *ambadiky* ny tendrombohitra. Le —d'une

médaille. Ny *vohon'* ny medaly. 2° *fig.* Loza, fahoriana. Il a éprouvé des —. Tra-*doza*, etc., izy.

REVERSER, *va.* Manidina indray. — du vin dans son verre. *Manidina* divay *indray* ao amy ny gilasiny.

REVÊTEMENT, *sm.* Lalotra, petadrindrina. Le — des murs de cet appartement est de bois. Hazo no *pela-drindrina* amin'io efi-trano io.

REVÊTIR, *va.* 1° Manafy. — les pauvres. *Manafy* ny mahantra. 2°—, Mitafy, miakanjo. — un habit. *Mitafy* fitafiana. *miakanjo* akanjo. 3°—, Mandalotra, mametaka. — un mur de chaux. *Mandalotra* sokay ny rindrina. 4° *fig.* Manome, mandravaka, manarona. La charge dont je vous ai revêtu. Ny raharaha *nomeko* anao. Il revêt ses pensées d'un style brillant. *Mandravaka* ny heviny amy ny laha-teny be renty izy. Il revêt le mensonge des apparences de la vérité. *Manarontsarona* ny làinga izy ka mampiseho azy ho marina.

Se revêtir, *vpr.* 1° Mitafy, miakanjo. 2° *fig.* Maka, miravaka, misarona. Jésus-Christ se revêtit des apparences les plus humbles. *Naka* ny toetr' olona manetry tena indrindra Jeso-Kristy.

REVÊTU, UE, *p.* et *adj.* 1° Voatafy, notàfiana. 2°—, Voatafy, notafina, natafy, mitafy, miakanjo. 3°—, Voalalotra, nolalorina, voapetaka, nopetahana. 4° *fig.* Nomena, manana, misy, voaravaka, noravahana, voasarona, nosaronana. Il est — d'un grand pouvoir. *Manam*-pahefana lehibe izy. Cet écrit est — de sa signature. *Misy* ny sonian-tànany io soratra io.

RÊVEUR, EUSE, *adj.* Mieritreritra, varivariana.

—, *s.* Mpieritreritra, mpanao bevi-dravina, mpirediredy.

REVIENT, *sm.* Mason-karena.

REVIREMENT, *sm.* 1° Fiviliana. 2°—, Sahan-trosa. 3° *fig.* Fiovana. Il s'est opéré un — dans sa conduite. *Niova* fitondran-tena izy.

REVIRER, *vn.* 1° Mivily. Le navire revira de bord. *Nivily* ny sambo. 2° *fig.* — de bord. Mivadika, mifindra ho amy ny andaniny hafa.

REVISER, *va.* Mandinika indray. — un compte. *Mandinika* kaonta indray.

REVISEUR, *sm.* Mpandinika indray.

REVISION, *sf.* Fandinihana indray.

REVISITER, *va.* Mamangy indray.

REVIVIFIER, *va.* 1° Mampiaina indray, mamelona —. 2° *fig.* Mampiaina indray. La grâce revivifie le pécheur. Ny fahasoavana *mampiaina indray* ny mpanota.

REVIVRE, *vn.* 1° Velona indray. Jésus-Christ fit — Lazare. Jeso-Kristy *nahavelona indray* any Lazara. 2° *fig.* Hoatra ny velona indray, velona indray. Le père revit dans son fils. *Hoatra ny velona indray* rainy manana ny zanany. Ce remède l'a fait —. *Nahavelona* azy *indray* izany fanafody izany. Faire — une hérésie. *Mamelona* herezia *indray*.

RÉVOCABLE, *adj.* Azo esorina, — foanana.

RÉVOCATION, *sf.* Fanesorana, fanafoanana.

RÉVOCATOIRE, *adj.* Mahafoana.

REVOICI, REVOILÀ, *prép.* Inty indray, indro —.

REVOIR, *va.* 1° Mahita indray, mihaona —. Au —. Ambara-*pihaona.* 2° —, Mandinika indray. — un manuscrit. *Mandinika* sora-tànana *indray.* À —. *Diniho indray.*

Se revoir, *vpr.* Mifankahita indray, mihaona indray.

REVOLER, *vn.* 1° Miverina manidina. Cet oiseau revole vers son nid. *Miverina manidina* ao amy ny akaniny io vorona io. 2°—, Miverina haingana. — auprès de quelqu'un. *Miverina haingana* ao amin' olona.

—, *va.* Mangalatra indray.

RÉVOLTANT, ANTE, *adj.* Mahadikidiky, maharikoriko.

RÉVOLTE, *sf.* Fikomiana, fiodinana.

RÉVOLTÉ, ÉE, *adj.* et *s.* Mpikomy, mpiodina.

RÉVOLTER, *va.* 1° Mampikomy, mampiodina. C'est lui qui a révolté ces provinces. Izy no *nampikomy,* etc., ireo fari-tany ireo. Le péché a fait — la chair contre l'esprit. Ny fahotana no *nampiodina* ny nofo hanohitra ny fanahy. 2° —, Mahadikidiky, maharikoriko. Son orgueil me révolte. *Mahadikidiky,* etc., ahy ny fiavonavonany.

Se révolter, *vpr.* 1° Mikomy, miodina. 2° —, Madikidiky, marikoriko.

RÉVOLU, UE, *adj.* Tapitra. Il a vingt ans révolus. *Tapitra* roapolo taona izy.

RÉVOLUTION, *sf.* 1° Fitsingerenana.

fiherenana, fihodinana. La — de la terre autour du soleil. Ny *fitsingerenana*, etc., ny tany manodidina ny masoandro. 2° *fig.* Fiovana, fikorontanana, fikomiana. Les révolutions de la terre. Ny *niovaovan'* ny toetry ny volon' ny tany. Il se fit une — dans les idées. *Niova* ny hevitry ny olona. Il prévit la — qui allait éclater. Naminany ny *fikorontanana*, ny *fikomiana* izay efa hiseho izy.

RÉVOLUTIONNAIRE, *adj.* Mampikorontana. Doctrine —. Fampianarana *mampikorontana.*

—, *sm.* Mpampikorontana.

RÉVOLUTIONNER, *va.* Mampikorontana, mampikomy.

REVOLVER, *sm.* Basy poleta maro vava.

REVOMIR, *va.* Mandoa, mandoa indray.

RÉVOQUER, *va.* Manaisotra, manafoana. — un employé. *Manaisotra* mpanao raharaha anankiray. — un ordre. *Manafoana* didy. ‖ *loc.* — en doute. Misalasala.

REVU, UE, *p* et *adj.* 1° Hita indray. 2°—, Voadinika indray, nodinihina—. Seconde édition revue et corrigée. Boky natonta fanindroany sady *voadinika indray* no voahitsy.

REVUE, *sf.* 1° Fandinihana, fikarakarana, fikajakajana, fitsapana, fanadinana, matso. J'ai fait la—de mes livres. *Nandinika*, *nikarakara*, *nikajakaja* ny toetry ny bokiko rehetra aho. Le général a fait la—. Ny jeneraly *nitsapa* ny fahaizan' ny miaramila, *nanadina*, nampanao *matso* ny miaramila. 2°—, Boky misebo am-potoana.

RÉVULSIF, IVE, *adj.* Mampivily aretina.

—, *sm.* Fanafody mampivily aretina. Le vésicatoire est un —. Ny bilistra dia *fanafody mampivily aretina.*

RÉVULSION, *sf.* Fampiviliana aretina.

REZ-DE-CHAUSSÉE, *sm.* Ny antany.

RHABILLAGE, *sm.* Famboamboarana.

RHABILLER, *va.* 1° Mampiakanjo indray. — un enfant. *Mampiakanjo* zaza kely *indray.* 2° —, Manafy indray. — un domestique. *Manafy* mpanompo *indray.* 3° *fig.* Manamboamboatra.

Se rhabiller, *vpr.* Miakanjo indray.

RHABILLEUR, EUSE, *s.* Comme Renouteur.

RHÉTEUR, *sm.* 1° Mpampianatra ny fahaizana mandaba-teny, mpampianatra ny momba ny laha-teny. 2°—, Mpandaha-teny be renty loatra.

RHÉTORICIEN, *sm.* Mpahay ny momba ny laha-teny, mpianatra —.

RHÉTORIQUE, *sf.* Fahaizana mandaha-teny, fahaizana momba ny lahateny.

RHINOCÉROS, *sm.* Biby tokan-tandroka, rinoserosa.

RHUBARBE, *sf.* Zava-maniry misy fakany mampivalana.

RHUM, *sm.* Toaka.

RHUMATISANT, ANTE, *adj.* et *s.* Rohanina.

RHUMATISMAL, ALE, *adj.* Momba ny rohana. Douleurs rhumatismales. Mangotsokotsoka avy amy ny *rohana.*

RHUMATISME, *sm.* Rohana, hotsohotso.

RHUME, *sm.* Sery.

RHYTHME, *sm.* Firindrana.

RIANT, ANTE, *adj.* Miramirana, mahafinaritra. Il a un visage —. *Miramiran*-tarehy izy. Une maison riante. Trano *mahafinaritra.* Idée riante. Hevitra *mahafinaritra.*

RIBAMBELLE, *sf.* Zavatra tsy tambo isaina.

RIBOTE, *sf.* Filerana, fibobohana.

RIBOTER, *vn.* Miletra, miboboka.

RIBOTEUR, EUSE, *s.* Mpiletra, mpiboboka.

RICANEMENT, *sm.* Fihomehezana olona, hehy valaka.

RICANER, *va.* Mihomehy olona, manao hehy valaka amin' olona.

RICANERIE, *sf.* Hehy valaka.

RICANEUR, EUSE, *s.* Mpihomehy olona, mpanao hehy valaka amin' olona. Un sot —. Olona adala *mpihomehimehy olona*, etc.

RIC-À-RIC, *loc. adv.* Tsy misy mihodivitra, mialakaforo. Il m'a payé —. Nandoa ny volako *tsy nisy nihodivitra* izy. Il mesure —. Mamatra *tsy misy mihodivitra*, etc , izy.

RICHARD, *sm.* Mpanjatobe, komohina, tremalahy, mpanarivo, mpanetoefo, mpanontany ny ory.

RICHE, *adj.* 1° Manan-karena. 2°—, Be vidy, saro-bidy. Une étoffe —. Lamba

be vidy, etc. 3°—, Diso vala, mahavokatra, lonaka, be zavatra. Une — récolte. Vokatra *diso vala*. Contrée —. Tany *mahavokatra, lonaka*. Pays — en vins. Tany *be* divay. 4° *fig*. Langue —. Fiteny tsy orin-teny ary be fombafombam-pitenenana.

—, *sm*. Mpanan-karena. Le — et le pauvre. Ny *mpanan-karena* sy ny mahantra.

RICHEMENT, *adv*. Hoatra ny mpanan-karena, saro-bidy, tsara dia tsara. Il a marié — sa fille. Nampanambadiny olona *manan-karena* ny zanany vavy. Elle est — parée. *Saro-bidy, tsara dia tsara* ny haingo ataony.

RICHESSE, *sf*. 1° Harena. Il a la passion des richesses. Matimatin-*karena* izy. 2°—, Hasaro-bidy, hatsarana. fahavokarana, halonaka, fahabetsahan-javatra. La — de l'ameublement. Ny *hasaro-bidy*, ny *hatsaran'* ny fanaka. La — de la terre. Ny *fahavokarana, halonaky* ny tany.

RICHISSIME, *adj*. Mpanefoefo, komohina.

RICIN, *sm*. Tanantanamanga.

RICOCHER, *vn*. Miantsambotra, miantefatefa.

RICOCHET, *sm*. Fiantsambotsambotry ny vato atao tetirano, fiantefatefa —, fiantsambotry ny balan-tafondro.

Par ricochet, *loc. adv*. Miolaka. J'ai appris cette nouvelle par —. *Niolaka* no nandrenesako izany zava-baovao izany.

RIDE, *sf*. 1° Ketrona. 2° *fig*. Fivalombalona.

RIDÉ, ÉE, *adj*. Miketronketrona. Pomme ridée. Paoma *miketronketrona*.

RIDEAU, *sm*. 1° Lambam-baravarana, elom-pandriana, efitra lamba amy ny teatra. — de fenêtre. *Lambam-baravaran-kely*. — de lit. *Elom-pandriana*. Tirez le —, je veux dormir. Akatony ny *elom-pandriana*, fa ta-hatory aho. Baisser le —. Mampidina ny *efitra lamba*. 2° *fig*. Tirer le — sur une chose. Tsy miteny zavatra anankiray intsony. Il se tient derrière le —. Mitarika an-takona izy.

RIDELLE, *sf*. Makarakara hazo ao an-daniny roa amy ny sarety.

RIDER, *va*. 1° Mampiketrona. La vieillesse ride les visages. Ny fahanterana *mampiketronketrona* ny tarehy. 2° *fig*. Mampivalombalona. Le vent ride la rivière. Ny rivotra *mampivalombalona* ny renirano.

Se rider, *vpr*. 1° Miketronketrona. 2° *fig*. Mivalombalona.

RIDICULE, *adj*. Mampihomehy, mahatsikaiky, mendrika hihomehezana. Il a un air —. *Mampihomehy, mahatsikaiky* ny toetrany. Il dit des choses ridicules. Milaza zavatra *mahatsikaiky* izy. Personne —. Olona *mendrika hihomehezana*.

—, *sm*. 1° Zavatra mampihomehy. Il saisit bien les ridicules. Mora mahita ny *zavatra mampihomehy* izy. 2°—, Fihomehezana, famosobosorana, famazivaziana, fanarabiana. Il sait manier l'arme du —. Mahay *mihomehy, mamosobosotra, mamazivazy, manaraby* olona izy.

RIDICULEMENT, *adv*. Mampihomehy.

RIDICULISER, *va*. Mihomehy, mamosobosotra, mamazivazy, manaraby.

Se ridiculiser, *vpr*. Manao zavatra tokony hihomehezana.

RIEN, *sm*. 1° Tsinontsinona, na inona na inona. Dieu a créé le monde de —. Andriamanitra nahary izao tontolo izao tamy ny *tsinontsinona*. Je ne demande —. Tsy mangataka *na inona na inona* aho. Il a eu cette maison pour —. *Tsinontsinona* foana no nahazoany io trano io. Cela ne fait —. Tsy *maninona* izany. Cela ne me fait —. Tsy *mampaninona* ahy izany. 2°—, *pl*. Zavatra tsinontsinona. Il s'amuse à des riens. Milalao amy ny *zavatra tsinontsinona* izy.

Comme si de rien n'était, *loc. adv*. Hoatra ny tsy manao. Après une vive querelle, ils se sont embrassés comme si de — n'était. Rahefa avy niady izy ireo, dia nifanorokoroka *hoatra ny tsy nanao*.

En moins de rien, *loc. adv*. Tsy ampy toy inona, poatoizay, vetivety foana. Il a fait cela en moins de —. *Tsy ampy toy inona*, etc., no nanaovany izany.

RIEUR, EUSE, *adj*. et *s*. Mpihomehy, tia hehy, mpamazivazy, mpamosobosotra. ‖ *loc*. Il a les rieurs de son côté. Omban' ny ankabiazany izy.

RIFLARD, *sm*. 1° Vankona. 2°—, Elo lamody artitra.

RIGIDE, *adj*. Sarotsarotiny, lozabe, sa-

rotra, mangidy. C'est un — observateur des lois. *Sarotsarotiny* amy ny fanarahana ny lalàna izy. Homme—. Olona *sarotsarotiny, lozabe*. Morale—. Fitsipipitondran-tena *sarotra, mangidy*.

RIGIDEMENT, *adv.* Sarotsarotiny, amin-kalozana.

RIGIDITÉ, *sf.* Halozana, hasarotra, hangidy.

RIGOLE, *sf.* Tatatra.

RIGORISME, *sm.* Fitsipi-pitondrantena sarotra loatra.

RIGORISTE, *s.* et *adj.* Manaraka ny fitsipi-pitondran-tena sarotra loatra, sarotsarotiny.

RIGOUREUSEMENT, *adv.* 1° Mafy. On l'a puni—. Efa nofaizina *mafy* izy. 2°—, Miharihary. Cela est — démontré. Efa voaporofo *miharihary* izany.

RIGOUREUX, EUSE, *adj.* 1° Sarotsarotiny, lozabe, mafy, sarotra, mangidy. Maître—. Mpampianatra *sarotsarotiny, lozabe*. Pénitence rigoureuse Asa fivalozana *mafy, mangidy*. Morale rigoureuse Fitsipi-pitondran-tena *sarotra, mangidy* loatra. 2°—, Miharihary Démonstration rigoureuse. Fanaporofoana *miharihary*.

RIGUEUR, *sf.* 1° Halozana, hamafy, hasarotra, hangidy. La — du froid. Ny *hamafin'* ny hatsiaka. Il a jugé selon la — des lois. Nitsara araka ny *hamafin'* ny lalàna izy. ‖ *loc.* Chose de—. Zavatra tsy maintsy hatao, — tsy azo avela. 2°—, Fiharihary. La — des principes. Ny *fiharihar'n'* ny foto-kevitra.

À la rigueur, *loc. adv.* Araka ny teny. Il ne faut pas prendre ce qu'il dit à la—. Tsy tokony horaisina *araka ny teny* izay lazainy.

RIMAILLER, *va.* Manaonao foana andalan-tonon-kira misy teny mitovy feo ny fara soratra.

RIMAILLEUR, *sm.* Mpanaonao foana andalan-tonon-kira misy teny mitovy feo ny fara soratra.

RIME, *sf.* Fitoviam-peo amy ny fara soratra.

RIMER, *vn.* 1° Mitovy feo amy ny fara soratra. 2°—, Manao andalan-tonon-kira misy teny mitovy feo ny fara soratra.
—, *va.* Manao tonon-kira misy teny mitovy feo ny fara soratra.

RIMEUR, *sm.* 1° Mpanao andalantonon-kira misy teny mitovy feo ny fara soratra. 2° —, Mpanaonao foana tononkira misy teny mitovy feo ny fara soratra.

RINCÉE, *sf.* Kapoka mirivirivy, fanalakasiana.

RINCER, *va.* 1° Manontsana. — une bouteille. *Manontsana* tavoahangy. Se — la bouche. *Manontsam*-bava, *mihontsana*, mifantsana. 2° *fig.* Mandevilevy, mikapoka, mamely.

RINÇURE, *sf.* Hontsan-javatra.

RIPAILLE, *sf.* Faire—. Manao vakimborona, miletra, miboboka.

RIPOSTE, *sf.* Famaliana. Il est prompt à la—. Malaky *mamaly* izy.

RIPOSTER, *vn.* Mamaly.

RIRE, *vn.* 1° Mihomehy, lokin'ny hehy, latsaky ny hehy, mikakakaka, mitolakàka, mikikikiky, mitsikikikiky, mikanikany, mitsikanikany, mitokelaka, mihimokimoka Il se mit à—. *Nihomehy, lokin'ny hehy, latsaky ny hehy* izy. Son ami éclata de—. *Nikakakaka, nitolakàka* ny sakaizany. Le garçon éclata de—. *Nikikikiky, nitsikikikiky, nikanikany, nitsikanikany* ny zazalahy. Le petit enfant éclata de—. *Nitokelakelaka* ny zaza kely. —sous cape, —dans sa barbe. *Mihimokimoka*. —du bout des lèvres. Manao *hehy* ra, *mihomehy* ra, *mihomehy* tsy sazoka. Tout le monde se mit à—. Samy nanao *hehy* be ny olona rehetra. Tout le monde éclata de —. Nanao *hehy* ranovaky avokoa ny olona rehetra. 2° *fig.* Mahafinaritra. Tout rit dans cette campagne. *Mahafinaritra* ny zavatra rehetra amin'ity saha ity. 3° —, Milalao, manao kivazivazy, mihomehy. Venez avec nous, nous rirons. Avia hiaraka aminay, *hilalao* isika. Il aime à—. Tia *lalao*, —*kivazivazy* izy. Tout cela est pour—. *Kivazivazy* hiany izany, mba *hampihomehy* fotsiny izany. Il a le mot pour—. Mahay teny *mampihomehy* izy. — de quelqu'un. *Mihomehy* olona. Il rit de toutes les remontrances qu'on lui fait. *Ihomehezany* avokoa ny fananarana rehetra atao aminy.

Se rire, *vpr.* Mihomehy. Il se rit de vous. *Ihomehezany* hianao.

RIRE ou **RIS,** *sm.* Fihomehy, hehy. — agréable. *Fihomehy* mahafinaritra. — forcé. *Hehy* ra. Gros rire. *Hehy* voraka. Rire moqueur. *Hehy* valaka.

RISÉE, *sf.* Fara hehy, fihomehezana. Il s'éleva une — dans l'assemblée. Nisy *fara hehy* tao amy ny fivoriana. Il est

la — de tout le monde. *Ihomehezan'* ny olona rehetra izy.

RISIBILITÉ, *sf.* Fihomehezana. La — est propre à l'homme. Anjaran' ny olona hiany ny *fihomehezana.*

RISIBLE, *adj.* Mampihomehy, mahatsikaiky, mendrika hihomehezana. Conte —. Angano *mampihomehy, mahatsikaiky* Homme —. Lehilahy *mendrika hihomehezana.*

RISQUE, *sm.* Fanaovana vy very. — very tena, — kitoatoa, — mosalahy, — befahatany. A tout —. *Kitoatoa, mosalahy, befahatany.* 2°—, Zavatra atahorana, — mampahita loza, — mampidi-doza, loza. Il a entrepris cette affaire à ses risques et périls. Azy ny antoka raha misy *loza* amin' izany raharaha izany. Voy. DANGER.

RISQUER, *va.* 1° Manao vy very, — very tena, — kitoatoa, — mosalahy, — befahatany. Comme HASARDER. 2°—, Misy hatahorana. Vous risquez de perdre beaucoup. *Misy hatahorana* fandrao maty antoka be hianao.

Se risquer, *vpr.* Comme SE HASARDER.

RIT ou **RITE,** *sm.* Fombam-pivavahana.

RITOURNELLE, *sf.* Fiverimberenanteny.

RITUEL, *sm.* Boky misy ny fomba fanomezana ny sakramenta sy ny fombam-pivavahana hafa.

RIVAGE, *sm.* Moron-dranomasina, moron-drano.

RIVAL, ALE, *s.* et *adj* Mifaninana, mifandrafy, rafy, mitovy. Il est sans —. Tsy misy *mitovy* aminy, tsy manampaharoa izy.

RIVALISER, *vn.* Mifaninana, mifandrafy. Ils ont rivalisé de courage. *Nifaninana* mba hampiseho herim-po izy ireo.

RIVALITÉ, *sf.* Fifaninanana, fifandrafesana. La — des chefs entraîna la perte de l'armée. Ny *fifandrafesan'* ny lehibe nampahita loza ny tafika.

RIVE, *sf.* Moron-drano.

RIVER, *va.* 1° Manao vonobaibona. 2° *fig.* — à quelqu'un son clou. Manao potandroka amin'olona, mandresy lahatra olona.

RIVERAIN, AINE, *adj.* Ao amorondrenirano. Propriété riveraine. Tany ao *amoron-drenirano.*

—, *sm.* Mponina ao amoron-drenirano.

RIVET, *sm.* Vonobaibona.

RIVIÈRE, *sf.* Renirano.

RIVURE, *sf.* Lahin-tsavily.

RIXE, *sf.* Fifandirana, fandirana, ady ratsy.

RIZ, *sm.* Vary — au lait. *Vary* amindronono. Eau de—. Ranom-*bary.* — cuit avec beaucoup d'eau. *Vary* sosoa. — de l'année précédente *Vary* tranainy. — nouveau. *Vary* vao. Grain de —. Voam*bary.* — blanc *Vary* fotsy, fotsim-*bary.* — non décortiqué. *Vary* akotry. — de montagne *Vary* tomboka. — de la première saison. *Vary* aloha. — de la seconde saison. *Vary* vakiambiaty.

RIZIÈRE, *sf.* Tanimbary.

ROBE, *sf.* 1° Zipo, robo, akanjo rebareba. — de mousseline. *Zipo, robo* masilina. — de magistrat. *Akanjo rebareba* fanaon' ny mpitsara. — de chambre. *Akanjo rebareba* fitondra ao an-trano. 2° Volom-biby sasany. Ce cheval a une belle—. Tsara *volo* io soavaly io. 3° *fig.* Les gens de —. Ny mpanao raharaha momba ny fitsarana.

ROBINET, *sm.* 1° Tsiriry. 2°—, Laklen-tsiriry. Tournez le —. Ahodino ny *laklen-tsiriry.*

ROBUSTE, *adj.* 1° Matanjaka, matomboka, be aina. Homme —. Olona *matanjaka,* etc 2° *fig.* Il a une foi —. Olona mora mino, olona tsotra izy.

ROC, *sm.* Vatolampy. Bâtir sur le — Manorina amboniny *vatolampy.*

ROCAILLEUX, EUSE, *adj.* Be karaobato. Terrain —. Tany *be karaobato.*

ROCHE, *sf.* 1° Vato be makadiry. Ce pays est tout couvert de roches. Feno tra *vatobe makadiry* izany tany izany. 2° *fig.* Un cœur de —. Fo vato. Il y a quelque anguille sous —. Misy zavatra mafina amin' izany raharaha izany.

ROCHER, *sm.* 1° Vatolampy, harambato. Le pied d'un —. Ny am-bodiny *vatolampy,* etc. 2° *fig.* Olona fo vato. Vous parlez à des rochers. Miteny amin' *olona fo vato* hianao.

ROCHET, *sm.* Akanjo fotsy fanaon' ny eveka.

ROCHEUX, EUSE, *adj.* Be vato makadiry, be harambato.

ROCOCO, *adj.* et *sm.* *inv.* Lamody antitra.

RÔDER, *vn.* Mivezivezy, mivoivoy, misodisody, mihaodihaody, miriorio, mirenireny. J'ai rôdé chez tous les librai-

res. Efa *nivezivezy*, *nivoivoy* eran' ny mpivaro-boky rehetra aho. On voit des gens qui rôdent autour de sa maison pour l'arrêter. Misy olona *misodisody*, *mihaodihaody* manodidina ny tranony mba hisambotra azy. Il y a des voleurs qui rôdent dans cette forêt. Misy jirika *mivezivezy*, *mivoivoy*, *miriorio*, *mirenireny* ato amin' ity ala ity.

RÔDEUR, *sm*. Mpiriorio, mpirenirony.

RODOMONT, *sm*. Mpirehaka, kevoka, mahery vava, lasan-ko vavany. Voy. Fanfaron.

RODOMONTADE, *sf*. Rehaka, fireha-ka, hakevoka, hakevohana, herim-bava, vava.

ROGATIONS, *sf. pl*. Fivavahana fanaon' ny Eglizy mandritra ny hateloan' andro mialoha ny andro niakarany Jeso-Kristy any an-danitra.

ROGNE, *sf*. Hatim-parasisa.

ROGNER, *va*. 1° Manaisotra, manala, mamarana, manatsaka, manaratsaka. Il faut — ce bâton. Tokony *hanesorana* io tehina io. Rognez-vous les ongles. *Esory*, *alao* ny hohonao. — du papier. *Mamarana*, *manatsaka*, *manaratsaka* taratasy. 2° *fig*. Manaisotra. On m'a rogné ma part. *Nanesorana* ny anjarako.

ROGNEUX, EUSE, *adj*. et s. Hatenina, kongonina. Un âne —. Ampondra *kongonina*. Voy. Galeux.

ROGNON, *sm*. Voan-kena. Rognons de veau. *Voan-kenan*-janak' omby.

ROGNURE, *sf*. Haratsaka. — de peau. *Haratsa*-koditra.

ROGUE, *adj*. Mianjonanjona, miavonavona. Il a la mine —. *Mianjonanjon*-toetra izy.

ROI, *sm*. 1° Mpanjaka (lahy), andriamanjaka, andriana. Les ordres du —. Ny tenin' *andriana*. 2°—, Andriandahy. Le — de cœur. Ny *andriandahin'* ny samamena. 3° *fig*. Le — de la création. Ny olombelona. Le — des animaux. Ny liona. Le — des oiseaux. Ny egla.

ROITELET, *sm*. 1° Vorona madinika hoatra ny tsikirity. 2° *fig*. Mpanjaka madinika.

RÔLE, *sm*. 1° Rejistra, filaharana. Les capitaines ont un — de leurs soldats. Ny kapiteny mitana ny *rejistry* ny miaramilany avy. Sa cause viendra à tour de—. Hatao araka ny *filaharana* ny adiny. 2°—, Anjaran' ny mpanao teatre. Il a bien joué son —. Nahavita tsara ny *anjarany* tao *amy ny teatra* izy. 3° *fig*. Raharaha, ny atao. Il joue un grand—. Manao *raharaha* lehibe izy. On l'a chargé d'un — bien difficile. Nomena *raharaha* sarotra atao izy. Vous jouez là un mauvais—. Ratsy izany *ataonao* izany.

ROMAIN, AINE, *adj*. Romana. L'empire—. Ny fanjakana *romana*. Chiffres romains. Marika *romana*. Caractère—. Lohavý *romana*. L'Eglise romaine. Ny Eglizy *romana*.

ROMAINE, *sf*. Mizana tokam-bato.

ROMAN, *sm*. Angano, tantara foronina.

ROMANCE, *sf*. Kalokalo.

ROMANCIER, *sm*. Mpamorona angano, — tantara.

ROMANESQUE, *adj*. 1° Manahaka ny angano. Histoire—. Tantara *manahaka ny angano*. 2°—, Hafahafa, manao hevi-draviua. C'est un esprit—. Olona *hafahafa*, etc., izy.

ROMANTIQUE, *adj*. Manahaka ny any ny angano. Style—. Laha-teny *manahaka ny any ny angano*.

—, *sm*. Laha-teny manahaka ny any ny angano.

ROMANTISME, *sm*. Fomban'ny lahateny manahaka ny any ny angano.

ROMARIN, *sm*. Hazo madinika manitra.

ROME, *sf*. Roma.

ROMPRE, *va*. 1° Manapaka, mamaky. — un bâton. *Manapaka* tehina. — une porte. *Mamaky* varavarana. — le pain. *Mamaky* mofo. — les bataillons ennemis. *Mamaky* ny fahavalo. 2°—, Misakana, mamily. — le vent. *Misakana*, *mamily* ny rivotra. 3° *fig*. Manapaka. — le sommeil. *Manapaka* torimaso. — la conversation. *Manapa*-dresaka. — ses fers. *Manapa*-gadra. 4°—, Mampangintsina, manimba, mandrava, manafoana, misakana, mandika, tsy manaraka. — les oreilles à quelqu'un. *Mampangintsintadiny* olona. Les pluies ont rompu les chemins. Ny ranonorana *nanimba* ny lálana. — une assemblée. *Mandrava* fivoriana anankiray. Rompez les rangs. *Ravao* ny laharana. — un traité. *Mandrava*, *manafoana* fanekempihavanana. —les desseins de quelqu' un. *Misakana* fikasan' olona. —ses engagements. *Mandika*, *tsy manaraka* ny teny napetraka. —le jeûne. *Tsy manaraka* ny fifadian-hanina. 5°—, Manka-

zatra, mamolaka. —quelqu'un au travail. *Mankazatra*, etc., olona hiasa. —le caractère d'un enfant. *Mamolaka* ny ditran-jazalahy anankiray. ‖ *loc.* —le silence. Tsy mangina intsony, miteny. —une lance avec quelqu'un. Mifanjihitra amin' olona. —la glace. Manomboka raharaha sarotra.

—, *vn.* 1° Tapaka. Les arbres rompaient de fruits. *Tapaky* ny voany ny hazo. 2° —, Misara-pihavanana. Il a rompu avec son meilleur ami. *Nisara-pihavanana* tamy ny sakaiza tiany izy.

Se rompre, *vpr.* 1° Tapaka, vaky. Les ressorts de la voiture se rompirent. *Tapaka* tamin' izay ny vimiainan-kalesy. 2° *fig.* Mihazatra. Se—aux affaires. *Mihazatra* amy ny raharaha.

A tout rompre, *loc. adv.* Izaitsizy. Cet orateur a été applaudi à tout —. Nihorehana *izaitsizy* io mpandaha-teny io.

ROMPU, UE, *p.* et *adj.* 1° Tapaka, notapahina, vaky, novakina. 2°—, Voasakana, nosakanana, voavily, navily. 3° *fig* Simba, nosimbana, rava, noravana, voadika, nodikaina, tsy narahina. 4°—, Zatra, nozarina. Homme—aux affaires. Olona *zatra* amy ny raharaha.

RONCE, *sf.* 1° Voaroimainty, voaroitsilo. 2° *fig.* Fahasahiranana, fahoriana. La vie est semée de ronces et d'épines Tsy ilaozam-*pahasahiranana*, etc., ny andro iainantsika.

ROND, ONDE, *adj.* 1° Vorivory, kivorivory, boribory, kiboribory. Chapeau—. Satroka *vorivory, kivorivory.* —comme une boule. *Boribory, kiboribory* hoatra ny kanety be. 2°—, Dongadonga. Visage—. Tarehy *dongadonga.* 3° *fig.* Tsotra. Un homme tout —. Lehilahy *tsotra.* 4°—, Bontolo, katroka, himpona. Compte —. Isa *bontolo.* Faisons un compte —, je vous en donnerai dix piastres. Ariary folo *katroka, himpona* no hividianako izany aminao.

—, *sm.* Vorivory, kivorivory, fari-bolana. Tracez un —avec le compas. Manaova *vorivory*, etc., amy ny kompà. Ils s'assirent en—. Nipetraka nanao *fari-bolana* izy ireo.

RONDE, *sf.* Fisafoana, mpisafo. Comme Patrouille.

À la ronde, *loc. adv.* 1° Manodidina. Inspecter tout à la —. Mikarakara ny zavatra rehetra *manodidina.* 2°—, Manao lálana. Boire à la —. Misotro *manao lálana.*

RONDELET, ETTE, *adj.* Botrefona, fatrofatro. Il est —. *Botrefona*, etc., izy.

RONDELLE, *sf.* Ampinga fanao amy ny milina na amy ny rindram-by, etc.

RONDEMENT, *adv.* 1° Haingana, amim-paharisihana. Travailler —. Miasa *haingana*, etc. Mener une affaire—. Manao raharaha *amim-paharisihana.* 2° *fig.* Amim-pahatsorana. Dire les choses —. Milaza zavatra *amim-pahatsorana.*

RONDEUR, *sf.* 1° Hakivorivory, hakiboribory. 2° *fig.* Hatsorana, fahatsorana. J'aime la — de cet homme. Tiako ny *hatsorana*, ny *fahatsoran'* io lehilahy io. 3°—, Firindrana. Ce style manque de —. Tsy *mirindra* tsara izany laha-teny izany.

RONDIN, *sm.* Hazo boribory, langilangy, kibay.

ROND-POINT, *sm.* Kianja vorivory.

RONFLANT, ANTE, *adj.* 1° Midohàka, mitrona, mirimorimo. Voix ronflante. Feo *midohàka.* Instrument —. Zava-maneno *mitrona.* 2°—, Mirindra tsara. Style—. Laha-teny *mirindra tsara.*

RONFLEMENT, *sm.* 1° Fierotra. 2°—, Fidohàka, fitrona, firimorimo, fimonomonona, fiezinezina, fidoboka. Le — de l'orgue. Ny *fitronan'* ny organa. Le — d'une toupie. Ny *firimorimo, fimonomonon'* ny tandrimo.

RONFLER, *vn.* 1° Mierotra. 2°—, Midohàka, mitrona, mirimorimo, mimonomonona. miezinezina, midoboka. Le canon ronfle. *Miezinezina, midoboka* ny tafondro.

RONFLEUR, EUSE, *s.* Mpierotra.

RONGER, *va.* 1° Mikiky, mihinana, homana, manaikitra. — un os.. *Mikiky* taolana. Les vers rongent le bois. Ny fositra *mihinana, homana* ny hazo. Ce cheval ronge son frein. *Manaikitra* ny vy sakam-bavany io soavaly io. 2° *fig.* Mihinana, homana, mandevona, mihady. La rouille ronge le fer. Ny harafesina *mihinana, homana, mandevona* ny vy. L'eau ronge la pierre. Ny rano *mihady* ny vato. Le chagrin le ronge. *Homana* azy ny alahelo. ‖ *loc.* — son frein. Mihazona hatezerana.

RONGEUR, EUSE, *adj.* 1° Mpikiky. 2° *fig.* Le ver —. Ny nenina.

—, *sm pl.* Biby mpikiky.

ROQUEFORT, *sm*. Karazana fromazy tsara dia tsara.
ROQUET, *sm*. Karazan'alika madinika.
ROSACE, *sf*. Haingon-draftra vorivory manahaka ny vonin-draozy.
ROSAIRE, *sm*. Rosera.
ROSAT, *adj*. Misy ilom-bonin-draozy. Huile —. Diloilo *misy ilom-bonin-draozy*.
ROSBIF, *sm*. Tonon-ken' omby.
ROSE, *sf*. 1° Vonin-draozy. Eau de —. Ilom-*bonin-draozy*. 2° *fig*. Hamenamena. Elle a un teint de —. *Menamena* tarehy izy. ‖ *loc*. Bois de—. Volombodimpona. La saison des roses. Ny lohataona. Il n'y a point de roses sans épines. Tsy misy fifaliana tanteraka. Découvrir le pot aux roses. Mahita ny ankaromiafina.
—, *sm* Volon' ny mavokely. Etoffe d'un beau —. Lamba *mavokely*.
—, *adj*. Mavokely. Une ceinture —. Etra *mavokely*.
ROSÉ, ÉE, *adj*. Menamena. Un teint —. Tarehy *menamena*.
ROSEAU, *sm*. Volotara, bararata.
ROSÉE, *sf*. Ando, ranonando.
ROSÉOLE, *sf*. Bonibony.
ROSERAIE, *sf*. Tanim-bonin-draozy.
ROSETTE, *sf*.-1° Haingon-javatra vorivory hoatra ny vonin draozy. 2° —, Vonan-dribá menamena famantaran-dakoraona
ROSIER, *sm*. Foto-bonin-draozy.
ROSSE, *sf*. Soavaly kely aina.
ROSSER, *va*. Mametsapetsaka, manavokavoka, manontatonta, mandarodaroka, mandabodaboka mamangovango, manjezika, manao vely kary, — kapotandrimo. Voy ASSOMMER.
ROSSIGNOL, *sm* 1° Karazam-borona madinika tsara feo. 2°—, Farango. 3° *fig*. Cette femme a une voix de—. Manga feo izany vehivavy izany. Un — d'Arcadie. Borika.
ROSSINANTE, *sf*. Soavaly kaozatra.
ROT, *sm*. Rezatra.
RÔT, *sm*. Tonon-kena.
ROTATEUR, TRICE, *adj*. Mampihodina. Force rotatrice. Hery *mampihodina*.
ROTATION, *sf*. Fihodina, fisangodina, fitsingerina. La — de la terre. Ny *fihodinkodina*, etc., ny tany.
ROTATOIRE, *adj*. Mihodina, misangodina, mitsingerina.
ROTER, *vn*. Mandrezatra.
RÔTI, *sm*. Tonon-kena, endin-kena.
RÔTIE, *sf*. Sila-mofo voatono.
ROTIN, *sm*. Rotay, tsontsoraka.
RÔTIR, *va*. Manasaly, manatsikanina, manatsatsika, mitono, manendy. —à la broche. *Manasaly, manatsikanina*. —sur le gril. *Manatsikanina, manatsatsika, mitono* ambony makarakara vy. —sur les charbons. *Manatsatsika, mitono* ambony vain'afo. —sous la braise. Manao *tono* tsofotra. —un poulet dans une marmite. *Manendy* akoho anaty vilany.
—, *vn*. May, haraka. On rôtit au soleil. *Mahamay* ny hainandro.
Se rôtir, *vpr*. May, haraka. Vous vous rôtissez les jambes. *May, haraky* ny afo ny ranjonao.
RÔTISSAGE, *sm*. Fanasaliana, fanatsikaninana, fanatsatsihana, fitonoana, fanendasana.
RÔTISSEUR, EUSE, *s*. Mpivarotra tonon-kena, — endin-kena.
RÔTISSOIRE, *sf*. Fanendasana.
ROTONDE, *sf*. Trano vorivory, trano heva vorivory.
ROTONDITÉ, *sf*. 1° Havorivory. 2°—, Habotrefona.
ROTULE, *sf*. Ampelandohalika.
ROTURE, *sf*. 1° Toetry ny folovohitra, — ny tsihibelambana. Il est né dans la —. Teraky ny *folovohitra*, etc., izy. 2°—, Folovohitra, tsihibelambana, hova.
ROTURIER, IÈRE, *adj*. et *s*. Folovohitra, tsihibelambana, hova.
ROUAGE, *sm*. 1° Kodia. Les rouages de cette machine sont trop nombreux. Maro loatra ny *kodia* amin'io milina io. 2° *fig* Antanan-tohatra. Les rouages du gouvernement. Ny *antanan-tohatry* ny fanjakana.
ROUCOULEMENT, *sm*. Bakobakororó. fikohonkohon' ny voromailala.
ROUCOULER, *vn*. Manao bakobakororó, mikohonkohona.
—, *va*. Mikalo, mitoreo.
ROUE, *sf*. 1° Kodiarana, kodia Voiture à quatre roues. Kalesy misy *kodiarana* efatra. Les roues d'une montre. Ny *kodiam*-pamantaranandro. —hydraulique. *Kodia* ahodin' ny rano. ‖ *loc*. Faire la—. Mipela-bolom-body; *fig*. mibohibohy, mirehareha. 2° *fig*. Pousser à la—. Manampy mba hahatanterahana raharaha anan-

kiray. La — de la fortune. Voatr'ampangoro. Les uns montent, les autres descendent, ainsi va la — de la fortune. *Voatr' ampangoro*, ka mifandimby ambony sy ambany. Cinquième — à un carrosse. Fanampiny foana.

ROUÉ, ÉE, *s.* Fetsy ratsy, fatsaka.

—, *adj.* Marary ovana. Il a couché sur la dure, il en est —. Nandry tamy ny tany izy, ka mandraiki-*marary ovana*.

ROUELLE, *sf.* Didy vorivory. — de citron. *Didim*-boasary *vorivory*.

ROUER, *va.* Comme ROSSER.

ROUERIE, *sf.* Hafetsen-dratsy.

ROUET, *sm.* Milina famolesana.

ROUGE, *adj.* 1° Mena, mivaivay. Vin —. Divay *mena*. Fer —. Vy *mena*. Mer —. Ranomasina *mena* Il est — comme du feu. *Mena*, etc., hoatra ny afo izy. Il devint tout — de colère. Tera-*menan'* ny hatezerana izy. 2° *fig.* Tirer sur quelqu'un à boulets rouges. Mamoapoaka, mandevilevy olona.

—, *sm.* 1° Ny mena. 2° —. Loko mena, vovoka mena. Marquer avec du —. Manamarika amy ny *loko mena*. Se mettre du —. Mitentina *vovoka mena*. 3° *fig.* Hamena. Le — lui monte au visage. *Mena* tery izy.

ROUGEÂTRE, *adj.* Menamena, somary mena, manopy mena. Des fruits rougeâtres. Voankazo *menamena*, etc.

ROUGEAUD, AUDE, *adj.* et *s.* Menamena tarehy.

ROUGEOLE, *sf.* Kitrotro, bonibony.

ROUGEUR, *sf.* 1° Hamena. La — des lèvres. Ny *hamenan'* ny molotra. 2° —, *pl.* Pentina menamena amy ny hoditra. Il a des rougeurs au visage. Misy *pentina menamena* ny tarehiny.

ROUGI, IE, *adj.* Nihamena. ‖ *loc.* Eau rougie. Rano misy divay kely foana.

ROUGIR, *va.* Manamena.

—, *vn.* 1° Mihamena, tera-mena. Le raisin commence à —. *Mihamena* sahady ny voaloboka. — de colère. *Tera-menan'* ny hatezerana. 2° *fig.* Menatra. Je rougis de ma faiblesse. *Menatra* noho ny fahosako aho.

ROUILLE, *sf.* 1° Harafesina. 2° *fig.* Tsy fahalalana, tsy fahendrena.

ROUILLÉ, ÉE, *adj.* 1° Harafesina. 2° *fig.* Voly, votsa. J'ai les jambes rouillées. *Voly* ny tongotro.

ROUILLER, *va.* 1° Maharafesina. L'humidité rouille les métaux. Ny mando *maharafesina* ny metaly. 2° *fig.* Mahavotsa. L'oisiveté rouille l'esprit. Ny fidonanaham-poana *mahavotsa* ny saina.

Se rouiller, *vpr.* 1° Miharafesina. 2° *fig.* Mihavotsa.

ROUILLURE, *sf.* Harafesina.

ROUIR, *va.* Mandóna. — du chanvre. *Mandóna* rongony.

—, *vn.* Milóna.

ROUISSAGE, *sm.* Fandoman-drongony.

ROULADE, *sf.* 1° Fikodiadia, fikodingodingo, fikimbalimbaly. 2° *fig.* Fiolikoleham-peo amy ny hira.

ROULAGE, *sm.* 1° Fikodiadiavana. Routes d'un — facile. Lálana mora *ikodiadiavan'* ny kodiarana. 2° —, Fitondrana entan' olona amy ny sarety.

ROULANT, ANTE, *adj.* 1° Mora mikodiadia. Une voiture bien roulante. Kalesy mora *mikodiadia*. 2° *fig.* Sesilany, veromay. L'ennemi fit un feu —. Nandefa basy *sesilany, veromay* ny fahavalo. Un feu — de plaisanteries. Vosotra *sesilany*.

ROULEAU, *sm.* 1° Horonana. Un — de rubans. *Horonan*-dribá. 2° —, Kodiarana lava, zavatra boribory, rikany. — de pierre. *Kodiaram*-bato. — pour étendre la pâte. *Hazo boribory* hamisahana koban-dafarina. Transporter un bloc de pierre à l'aide de rouleaux. Mamindra vato makadiry amy ny *rikany*.

ROULÉE, *sf.* Kapoka mirivirivy.

ROULEMENT, *sm.* 1° Fikodiadia. Le — des voitures. Ny *fikodiadian'* ny kalesy 2° —, Fihebiheby. — d'yeux. *Fihebihebin'* ny maso. 3° *fig.* Fitatatata. — de tambour. *Fitatatatan'* ny langorony. — de tonnerre. *Fitatatatan'* ny varatra.

ROULER, *va.* 1° Manakodia. — une pierre. *Manakodia* vato. ‖ *loc.* — carrosse. Tsy mandia tany intsony. 2° —, Mampihebiheby. — les yeux. *Mihebiheby* maso. 3° —, Mangorona. — une carte géographique. *Mangorona* sarintany. 4° *fig.* Mandinidinika. — des projets dans sa tête. *Mandinidinika* zavatra maro kasaina hatao.

—, *vn.* 1° Mikodiadia, mikodingodingo, mikimbalimbaly. — du haut d'un escalier. *Mikodiadia*, etc., avy any antampon' ny tongo-dr hana. 2° —, Mitopatopa, mihilangilana, mivezimbezina, mihevingevina. Les flots roulent

sur le sable. *Mitopatopa* amy ny fasika ny onjan-drano. Le navire roula toute la nuit. *Nihilangilana, nivezimbezina, nihevingevina* nandritra ny alina ny sambo. 3° *fig.* Mihelingelina, mihahohaho, miriorio, mivoivoy, mifamoivoy. Mille projets lui roulent dans la tête. Fikasana arivoarivo no *mihelingelina, mihahohaho* ao anatin' ny sainy. Il a roulé dans tous les pays. *Niriorio* eran' ny tany maro izy. L'argent roule dans ce pays. *Mivoivoy. mifamoivoy* eto amin' ity tany ity ny vola. ‖ *loc.* — sur l'or. Manefoefo. Pierre qui roule n'amasse pas mousse. Tsy mety hanan-karena izay tsy miorim-pototra. 4° —, Miankina, fototra. Tout roule là-dessus. Izany no *iankinan'* ny zavatra rehetra. Leur conversation roule sur l'histoire. Ny tantara no *foto*-dresak' izy ireo.

Se rouler, *vpr.* Mitsimbadimbadika, mitsilailay, mitsinkasinkasina, mihosinkosina. Se—sur l'herbe. *Mitsimbadimbadika, mitsilailay, mitsinkasinkasina* eny ambony ahitra. Les cochons se roulent dans la boue. *Mitsilailay, mitsinkasinkasina, mihosinkosina* ao anaty fotaka ny kisoa.

ROULETTE, *sf.* Kodiarana madinika. Les roulettes d'un lit. Ny *kodiaram*-parafara.

ROULEUSE, *sf.* Mangoronkely.

ROULIER, *sm.* Mpitondra entan'olona amy ny sarety.

ROULIS, *sm.* Fihilangilana, fivezimbezina, fihevingevina.

ROUPIE, *sf.* 1° Kiviron-delo. 2° —, Ropia.

ROUPILLER, *vn.* Rendremana, rendrehana.

ROUPILLEUR, EUSE, *s.* Mpatoritory.

ROUSSÂTRE, *adj.* Somary menapina.

ROUSSETTE, *sf.* Fanihy, manavibe.

ROUSSEUR, *sf.* 1° Hamenapina. La— du poil. Ny *hamenapinan'*ny volo. 2° —, Pentina menamena amy ny hoditra. Voy. ROUGEUR.

ROUSSI, *sm.* Erona, rainkona. Cela sent le—. Maimbo *erona,* etc., izany.

ROUSSIN, *sm.* 1° Soavaly tsy avo loatra. 2° *fig.* — d'Arcadie. Borika.

ROUSSIR, *va.* 1° Mahamenapina. Le feu a roussi cette étoffe. Ny afo *nahamenapina* ity lamba ity.

—, *vn.* Mihamenapina.

Se roussir, *vpr.* Mihamenapina.

ROUTE, *sf.* 1° Lálana, dia, fandehanana, ny aleha. La grande—. Ny *lálambe.* Il est resté en—. Nijanona teny an-*dálana* izy. Nous avons fait—ensemble. Niara-*dia* izahay. Il a repris sa —. Nanohy ny *dia nalehany* izy. Le navire a fait—vers le nord. *Nandeha* nianavaratra ny sambo. Le fleuve se grossit sur sa—de plusieurs rivières. Ny ony amin'izay *alehany* dia miampy renirano maro. Feuille de—. Taratasy manendry ny *lálana alehan'* ny miaramila. 2° *fig.* Lálana. La—qu'il tient ne le conduira pas à la gloire. Ny *lálana* arahiny tsy hahatonga azy any amy ny voninahitra.

ROUTIER, IÈRE, *adj.* Ahafantarana ny lálana. Carte routière. Sarin-tany *ahafantarana ny lálana.*

—, *sm.* 1° Boky ahafantarana ny lálana eny ambony ranomasina. 2° *fig.* Un vieux—. Fetsilahy.

ROUTINE, *sf.* Fahazarana ela. Il a la —de ce travail. *Zatra* izay *ela* izay amin' izany asa izany izy. Il fait tout par—. Manao ny zavatra rehetra noho ny *fahazarana* izy.

ROUTINIER, IÈRE, *s.* Mpanao noho ny fahazarana.

ROUVRIR, *va.* 1° Mamoha indray, manokatra indray, mampisokatra indray.— la porte. *Mamoha* varavarana *indray.* Cet effort rouvrit sa blessure. Izany fanaovana am-bezatra izany *nampisokatra indray* ny ratrany. 2° *fig.* —une plaie. Mamoha alahelo.

Se rouvrir, *vpr.* Mivoha indray, misokatra—.

ROUX, ROUSSE, *adj.* Menapina. Cheveux—. Volon-doha *menapina.*

—, *sm*, Ny menapina.

ROYAL, ALE, *adj.* Any ny mpanjaka, — ny andriana, hoatra ny mpanjaka. Le palais—. Ny lapan' ny *mpanjaka.* L'autorité royale. Ny fahefan'ny *mpanjaka.* La famille royale. Ny fianakavian' *ny mpanjaka.* Ordonnances royales. Tenin'*andriana.* Il a déployé un luxe—. Nampiseho rehareha *hoatra ny mpanjaka* izy. ‖ *loc.* Manteau—. Lambampanjakana. Sceptre—. Tehim-panjakana. Prince—. Zanak' andriana andrandrain-kanjaka. Altesse royale. Anaramboninahitra fanajana ny prinsa na prinsesa. Aigle—. Fgla lehibe indrindra.

ROYALEMENT, *adv.* Hoatra ny mpanjaka.

ROYALISME, *sm.* Fitiavana mpanjaka.

ROYALISTE, *adj.* et *s.* Tia mpanjaka, miandany amy ny mpanjaka.

ROYAUME, *sm.* Fanjakana misy mpanjaka, fanjakana. Le — des cieux. Ny *fanjakan'* ny lanitra.

ROYAUTÉ, *sf.* Fiandrianan' ny mpanjaka.

RUADE, *sf.* Savoam-body.

RUBAN, *sm.* 1° Ribá. Nœud de rubans. Vonan-*dribá*. 2°—, Vonan-dribá menamena famantaran-dakoraona.

RUBANERIE, *sf.* Fanaovana ribá, fivarotana ribá.

RUBANIER, IÈRE, *s.* Mpanao ribá, mpivarotra ribá.

—, *adj.* Momba ny ribá. Industrie rubanière. Taozavatra *momba ny ribá.*

RUBÉFACTION, *sf.* Hatera-menan' ny hoditra.

RUBÉFIANT, ANTE, *adj.* Mahatera-mena ny hoditra. Emplâtres rubéfiants. Kataplasy *mahatera-mena ny hoditra.*

RUBÉFIER, *va.* Mahatera-mena.

RUBICOND, ONDE, *adj.* Boramena. Il a la face rubiconde. *Boramena* ny endriny, *boramena* izy.

RUBIS, *sm.* Vato tsileondoza.

RUBRIQUE, *sf.* 1° Laléna momba ny fandaharam-pivavahana. 2° *fig.* Hafetsena.

RUCHE, *sf.* 1° Tohotra. 2° —, Tantely iray reny.

RUCHÉE, *sf.* 1° Tantely iray reny. Toute la — a péri. Maty avokoa ny *tantely iray reny.* 2° —, Toho-tantely. La — a été bonne. Tsara ny *toho-tantely* tao.

RUDE, *adj.* 1° Masaosao, masaisay, maraorao, henjana. Peau—. Hoditra *masaosao, masaisay, maraorao.* Le grès est — au toucher. *Masaosao, masaisay, maraorao* ny vatovary raha tsapaina. Brosse —. Borosy *henjana.* 2°—, Maisatra, handatra, mafaitra. Vin —. Divay *maisatra,* etc. 3°—, Mikitoantoana, sarotra, mafy. Chemin —. Lálana *mikitoantoana, sarotra.* Froid—. Hatsiaka *mafy.* — tempête. Tafio-drivotra *mafy.* Les temps sont rudes. *Sarotra* ny taona. Discipline—. Fifehezana *mafy, mangidy.* 4°—, Migadragadra, migadraka, tsy misononóka. Voix—. Feo *migadragadra, migadraka.* Style—. Laha-teny *tsy misononóka.* 5°—, Lozabe, mahery setra. Un père — envers ses enfants. Ray *lozabe,* etc., amy ny zanany.

RUDEMENT, *adv.* Mafy, amin-kalozana.

RUDESSE, *sf.* 1° Hasaosao, hasaisay, haraorao, hahenjana. 2°—, Figadragadra, figadraka, tsy fisononohana. 3°—, Hamafy, halozana. Il me traite avec—. Mitondra ahy *mafy* loatra, amin-*kalozana* izy.

RUDIMENT, *sm.* 1° Fotopototra. A peine sait-il les rudiments de la grammaire. Saika mbola tsy mahay ny *fotopototry* ny gramara izy. 2°—, Zavatra vao miforona, forifotra. Les rudiments des plantes. Ny zava-maniry *vao miforona.* Les rudiments des œufs. Ny *forifotr'* atody.

RUDIMENTAIRE, *adj.* 1° Misy fotopoto-javatra. 2°—, Vao miforona, mamorifotra.

RUDOYER, *va.* Manao ratsy fitondra, mandevilevy loatra. Il ne faut pas — les enfants. Tsy tokony *hanao ratsy fitondra, handevilevy loatra* ny ankizy madinika.

RUE, *sf.* Araben-dálana ao an-tanána, lálana ao an-tanána.

RUELLE, *sf.* Lálana madinika ao antanána.

RUER, *vn.* Manao savoam-body.

Se ruer, *vpr.* Miantoraka. Se — sur quelqu'un. *Miantoraka* amin'olona.

RUEUR, EUSE, *adj.* Mpanao savoambody. Cheval—. Soavaly *mpanao savoam-body.*

RUGIR, *vn.* 1° Mierona, manerona. Le lion rugit. *Mierona,* etc., ny liona. 2° *fig.* Mampierona, manerona, mitrerona. — de colère. *Mampierona,* etc.

RUGISSANT, ANTE, *adj.* Mierona.

RUGISSEMENT, *sm.* 1° Fierona. 2° *fig.* Fampierona, fitrerona.

RUGOSITÉ, *sf.* Haraorao, harokoroko, fandrotsirotsy.

RUGUEUX, EUSE, *adj.* Maraorao, marokoroko, mandrotsirotsy. Des feuilles rugueuses. Ravina *maraorao,* etc.

RUINE, *sf.* 1° Faharavana, fahalevonana, famongorana, fahasimbana. Maison en —. Trano *rava, simba.* Cet empire est bien près de sa—. Efa ho *rava,* ho

levona, *ho fongotra* izany fanjakana izany. 2° *fig*. Fahalanian-karena, fahabotriana, fahafaham-baráka, fahasimbana. Cette affaire a causé sa—. *Nahalany harena*, *nahabotry* azy izany raharaha izany. 3°—, *pl*. Ny sisa. Les ruines d'une ville. Ny *sisa* amy ny tanána rava.

RUINÉ, ÉE, *p*. et *adj*. 1° Rava, voarava, noravana, levona, nolevonina, fongotra, voafongotra, nofongorana, simba, nosimbana. 2° *fig*. Lany harena, botry, nobotriua, afa-baráka, nalam-baráka, simba, nosimbana. Homme—. Olona *lany harena, botry*.

RUINER, *va*. 1° Mandrava, mandevona, mamongotra, manimba. —un édifice. *Mandrava* trano. —une ville. *Mandrava, mandevona, mamongotra* tanána. La grêle a ruiné les vignes. *Nanimba* ny voaloboka ny havandra. 2° *fig*. Mampahalany harena, mambotry, manala baráka, manimba. Les guerres ont ruiné cette province. Ny ady lalandava *nampahalany harena, nambotry* izany fari-tany izany. Je vois que ses ennemis l'ont ruiné dans votre esprit. Hitako fa ny fahavalony no *nanala baráka* azy taminao. Les fatigues excessives ruinent la santé. Ny hasasarana be loatra *manimba* ny hasalamana.

Se ruiner, *vpr*. 1° Rava, levona, simba. 2° *fig*. Lany harena, mihabotry, mihasimba.

RUINEUX, EUSE, *adj*. Mahalany be, mandevona. Affaire ruineuse. Raharaha *mahalany be*, etc.

RUISSEAU, *sm*. 1° Sakeli-drano madinika, lakan-drano madinika. — limpide. *Sakeli-drano madinika* mangarangarana. Creuser un —. Manao *lakan-drano madinika*. 2° *fig*. Des ruisseaux de sang. Ra mandriaka.

RUISSELANT, ANTE, *adj*. Mitsororóka, manorika, misononóka.

RUISSELER, *vn*. Mitsororóka, manorika, misononóka. La sueur ruisselait sur son corps. *Nitsororóka*, etc., tamy ny tenany ny tsemboka. Voy. COULER.

RUMEUR, *sf*. Fimonomonona, sahoa, vavam-bahoaka. La ville est en —. *Mimonomonona* ny tanána. D'où vient cette —? Inona no anton'izato *sahoa* izato? La — vous accuse. Mamely anao ny *vavam-bahoaka*.

RUMINANT, ANTE, *adj*. Mandinika. Les bœufs sont des animaux ruminants. Biby *mandinika* ny omby.

—, *sm*. Ny biby mandinika.

RUMINATION, *sf*. Fandinihana.

RUMINER, *va*. 1° Mandinika. 2° *fig*. Mandinidinika. — une idée. *Mandinidinika* hevitra iray loha.

RUPTURE, *sf*. 1° Fanapahana, fahatapahana, famakiana, fahavakiana. Voy. ROMPRE. 2° *fig*. Fisaraham-pihavanana, fandravana, fanafoanana. Il y a eu — entre eux. *Nisara-pihavanana* izy ireo. Depuis la — de la paix. Hatramy ny *nandravana, nanafoanana* ny fanekem-pihavanana.

RURAL, ALE, *adj*. Momba ny any an-tsaha, — ny ambanivohitra. Biens ruraux. Fananana *any an-tsaha*. Les mœurs rurales. Ny fanaon' *ny ambanivohitra*.

RUSE, *sf*. Hafetsena.

RUSÉ, ÉE, *adj*. et *s*. Fetsy, kapetsy, konjo, fiharatra, holoka aty, mamaky akotry, fatsaka.

RUSER, *vn*. Manao an-kafetsena.

RUSSE, *adj*. et *s*. Mponina any Rosia, rosiana.

RUSSIE, *sf*. Rosia.

RUSTAUD, AUDE, *adj*. et *s*. Dondrina, tsy mahalala fomba.

RUSTICITÉ, *sf*. Hadondrina.

RUSTIQUE, *adj*. 1° Any an-tsaha, any ny ambanivohitra, tsotra. Travaux rustiques. Lahasa fanao *any an-tsaha*. Vie —. Toe-piainan' *ny ambanivohitra*. Banc —. Dabilio *tsotra*. 2° *fig*. Dondrina, mitahontahona. Il a les manières rustiques. *Dondrina* izy. Langage —. Fiteny *mitahontahona*.

RUSTIQUEMENT, *adv*. Tahaka ny ambanivohitra, dondrina, mitahontahona.

RUSTRE, *adj*. et *s*. Dondrina, tsy mahalala fomba.

RUTILANT, ANTE, *adj*. Mena mivaivay.

S

SA, *adj. poss.* Voy. Son.
SABBAT, *sm.* 1° Sabata. 2°—, Fivoriana alina ataon' ny mpamosavy. 3° *fig.* Tabataba. Quel —! Endrey izato *tabataba !*
SABLE, *sm.* 1° Fasika. 2° *fig.* Bâtir sur le —. Manorina ambonin' ny *fasika.*
SABLER, *va.* Manoto-pasika. — une allée. *Manoto-pasika* ny arâben-dâlana.
SABLEUX, EUSE, *adj.* Misy fasika. Farine sableuse. Lafarina *misy fasika.*
SABLIER, *sm.* 1° Famantaranandro fasika. 2°—, Fitoeram-pasika.
SABLIÈRE, *sf.* 1° Tany fihadiam-pasika. 2°—, Lavan-trano.
SABLON, *sm.* Fasika madinika.
SABLONNER, *va.* Mikosoka amy ny fasika.
SABLONNEUX, EUSE, *adj.* Be fasika, fasehina. Un chemin —. Lálana *be fasika.* Terre sablonneuse. Tany *be fasika,* etc.
SABLONNIÈRE, *sf.* Tany fihadiam-pasika madinika.
SABORD, *sm.* Hirika na banga fandefasan-tafondro amy ny sambo.
SABOT, *sm* 1° Kiraro hazo. 2°—, Kitrom-biby tsy mivaky. 3°—, Fihazonana ny kodiaran-kalosy amy ny fidinana. 4°—, Tandrimo kapoka. 5° *fig.* Dormir comme un —. Matory maty.
SABOTIER, *sm.* Mpanao kiraro hazo.
SABOULER, *va.* 1° Misaritsarika, manintontsintona, mandrirodrirotra. 2° *fig.* Mandevilevy.
SABRE, *sm.* Sabatra
SABRER, *va.* 1° Mamely sabatra. 2° *fig.* Manao maika, — zara raha vita. — une affaire. *Manao maika,* etc., raharaha anankiray.
SABREUR, *sm.* Miaramila mahery antsabatra.
SAC, *sm.* 1° Lasáka, kitapo. — à blé. *Lasákam*-barim-bazaha. Un — à mettre de l'argent. *Kitapo* fasiam-bola. Le — d'un soldat. Ny *lasákan'* ny miaramila. 2°—, Iray lasáka, — kitapo. Un — de blé. Varim-bazaha *iray lasáka.* Un — d'argent. Vola *iray kitapo.* 3° —, Fandrobana. Mettre à — une ville prise d'assaut. *Mandroba* tanána nalana. 4° *fig.* Vider son —. Milaza ny zavatra rehetra izay fantany amy ny zavatra iray loha. — à vin. Mpimamo. Homme de — et de corde. Olona ratsy, — sahy loza, — tsy mifidy hatao.
SACCADE, *sf.* 1° Fanintontsintonana, fanofokofohana. Il le prit au collet et lui donna deux ou trois saccades. Noraisiny tao amy ny vozon' akanjony izy, ka *nakofokofony* indroa na intelo. 2°—, Tsy fitoviana, tsy fisononohana. Ce navire ne marche que par saccades. Tsy *mitovy,* tsy *misononóka* ny fandehan' iny sambo iny. 3°—, Fandevilevena.
SACCADÉ, ÉE, *adj.* Tsy mitovy, tsy misononóka. Il a un style —. *Tsy misononóka* ny lahaténiny.
SACCADER, *va.* Manintontsintona soavaly.
SACCAGE, *sm.* Fanimbana.
SACCAGEMENT, *sm.* Fandrobana.
SACCAGER, *va.* 1° Mandroba. — une ville. *Mandroba* tanána. 2°—, Manimba. — un jardin. *Manimba* zarday.
SACCHARIN, INE, *adj.* Azo anaovana siramamy, momba ny siramamy. Plante saccharine. Zava-maniry *azo anaovana siramamy.* L'industrie saccharine. Ny fanaovana *siramamy.*
SACERDOCE, *sm.* 1° Raharahan' ny mpisorona, — ny pretra.
SACERDOTAL, ALE, *adj.* Momba ny pretra. La dignité sacerdotale. Ny fiandrianan' *ny pretra.*
SACHÉE, *sf.* Ny eran' ny lasáka.
SACHET, *sm.* Kitapo kely.
SACOCHE, *sf.* Kitapo hoditra.
SACRAMENTAL, ALE ou **SACRAMENTEL, ELLE,** *adj.* 1° Momba ny sakramenta. 2° *fig.* Mots sacramentaux. Teny mandpaka raharaha anankiray.
SACRAMENTELLEMENT, *adv.* Araka ny fomban' ny sakramenta.
SACRE, *sm.* Fanamasinana mpanjaka na eveka.
SACRÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Nohamasi-

nina, masina. Clovis fut — par saint Remi. Klovisy *nohamasininy* Md. Remi. Les vases sacrés. Ny kapoaka *masina*. Les livres sacrés. Ny Soratra *masina*. Les liens sacrés du mariage. Ny fikambanana *masin'* ny mpivady. 2°—, Mendrika hohajaina, tsy azo kasikasihina. Les lois sont sacrées. *Mendrika hohajaina* ny lalána. Un dépôt est une chose sacrée. *Tsy azo kasikasihina* ny zavatra napetraka. || *loc.* Le — collège. Ny kardinaly rehetra.

—, *sm.* Ny zavatra masina.

SACREMENT, *sm.* Sakramenta. Le saint —. Ny *sakramenta* masina, ny eokaristia.

SACRER, *va.* Manamasina. — un évêque. *Manamasina* eveka.

—, *vn.* Miteny ratsy an' Andriamanitra.

SACRIFICATEUR, *sm.* Mpisorona, mpanao sorona.

SACRIFICATURE, *sf.* Raharahan' ny mpisorona.

SACRIFICE, *sm.* 1° Sorona, fisoronana, fanatitra, fanaovana fanatitra. Jésus-Christ s'est offert en — sur la croix. Jeso-Kristy nanolo-tena ho *sorona* teo ambony hazo-fijaliana. Le saint — de la messe. Ny *fisoronana* masin' ny lamesa. 2° *fig.* Fahafoizana. Faire à Dieu le — de sa propre volonté. *Mahafoy* ny sitra-pony ho an' Andriamanitra.

SACRIFIER, *va.* 1° Misorona, manao sorona, manao fanatitra amin' Andriamanitra. — un agneau. *Misorona, manao sorona* zanak' ondry. — les prémices de son champ. *Manao fanâtitra* ny voaloham-bokatry ny tanimboliny *amin' Andriamanitra.* 2° *fig.* Mahafoy, tsy mitahiry, mandany. J'ai tout sacrifié pour vous. *Nafoiko* ho anao ny zavatra rehetra. — à Dieu son ressentiment. *Tsy mitahiry* lolom-po noho ny fitiavana an' Andriamanitra. — son temps à une affaire. *Mandany* ny androny amy ny raharaha anankiray.

—, *vn.* Manaraka. — à la mode. *Manaraka* lamody.

Se sacrifier, *vpr.* 1° Mahafoy aina. 2° *fig.* Mahafoy tena. Se — à la patrie. *Mahafoy tena* ho any ny tanin-drazana.

SACRILÈGE, *sm.* 1° Sakrilezy, fametavetana ny zavatra masina, fanalam-barâka —. 2° —, Fahavanonan-doza. C'est un — que d'attenter sur la personne des rois. *Mahavanon-doza* ny mitady hamono mpanjaka.

—, *adj.* 1° Manao sakrilezy. L'apôtre —. Ny apostoly *nanao sakrilezy.* 2°—, Mahavanon-doza. Une main —. Tánana *mahavanon-doza.*

—, *s.* Mpanao sakrilezy.

SACRILÉGEMENT, *adv.* Manao sakrilezy.

SACRIPANT, *sm.* Karilahy, mpitabataba, olon-dratsy.

SACRISTAIN, *sm.* Mpikarakara ny zavatra fanaovan-damesa.

SACRISTIE, *sf.* 1° Efitra fitahirizana ny zavatra fanaovan-damesa. 2°—, Zavatra fanaovan-damesa. La — de cette église est très riche. Be vidy ny *zavatra fanaovan-damesa* ato amin' ity trano leglizy ity.

SACRUM, *sm.* Taolana farany ambany amy ny hazon-damosina.

SAFRAN, *sm.* 1° Tamotamo. || *loc.* — marron. Ambaradeda. 2°—, Tomamotamo.

SAFRANÉ, ÉE, *adj.* 1° Misy tamotamo. 2°—, Tomamotamo, mitomamotamo.

SAFRANER, *va.* Manisy tamotamo.

SAGACE, *adj.* Mahira-tsaina.

SAGACITÉ, *sf.* Fahiratan-tsaina.

SAGAÏE, *sf.* Lefona.

SAGE, *adj.* 1° Hendry, maotona, mitondra tena tsara. Le malheur rend—. *Mampahendry* ny fahoriana. Enfant—. Zazalahy *hendry*, etc. Fille—. Zazavavy *hendry*, etc. 2°—, Mampiseho fahendrena. Une conduite—. Fitondran-tena *mampiseho fahendrena.*

—, *sm.* Ny hendry. Les sages et les fous. Ny *hendry* sy ny adala.

SAGE-FEMME, *sf.* Mpampivelona, renin-jaza.

SAGEMENT, *adv.* Amim-pahendrena.

SAGESSE, *sf.* Fahendrena, fahamaotonana, fitondran-tena tsara. Le livre de la —. Ny bokin' ny *Fahendrena.*

SAGITTÉ, ÉE, *adj.* Miloha lefona. Feuilles sagittées. Ravina *miloha lefona.*

SAGOUIN, *sm.* Karazan-drajako madinika.

SAIGNANT, ANTE, *adj.* 1° Mandeha ra, miteté ra, baba ra. Il a le nez tout —. *Mandeha ra*, etc., ny orony. Viande saignante. Hena mbola *mandeha ra.* 2° *fig.* La plaie est encore saignante. Mbola fery vao ny alahelo.

SAIGNÉE, *sf.* 1° Fanalan-dra, ra alana.

2° *fig.* Tatatra, tataka. Faire des saignées pour dessécher un marais. Manao *tatatra* hanamaina heniheny. Faire une — à la rivière. *Manataka* renirano. C'est une grande — qu'on lui a faite. *Notatarana* be dia be izy.

SAIGNEMENT, *sm.* Fandehanan-dra.

SAIGNER, *va.* 1° Manala ra. — un malade. *Manala ra* marary. 2°—, Manasominda. — un porc. *Manasominda* kisoa. 3° *fig.* Mitatatra, manataka.

—, *vn.* 1° Mandeha ra. Il saigne du nez. *Mandeha ran'* orona izy. 2° *fig.* La plaie saigne encore. Mbola fory vao ny alabelo.

Se saigner, *vpr.* 1° Manala ra amy ny tenany. 2° *fig.* Mahafoy be. Il se saigne pour ses enfants. *Mahafoy be* ho any ny zanany izy.

SAIGNEUX, EUSE, *adj.* Misy ra. Il a le nez —. *Misy ra* ny orony.

SAILLANT, ANTE, *adj.* 1° Mandondona, mandomba, mandroso, mitatao, mivohitra, mitringitringy, montotra, mivoaka Corniche saillante. Kornosy *mandondona, mandomba, mandroso, mitatao.* Angle —. Zoro *mivoaka.* 2° *fig.* Lehibe, manaitra ny saina. Voici l'idée saillante de ce livre. Izao no hevitra *lehibe* ao amin' io boky io. On ne trouve rien de — dans ce livre. Tsy misy na inona na inona *manaitra ny saina* ao amin' io boky io.

SAILLIE, *sf.* 1° Fandondona, fandomba, fandroso, fitatao, fivohitra, fitringitringy. hamontotra, fivoaka. Os qui fait —. Taolana *mivohitra, mitringitringy, montotra.* 2° —, Fiantoraka. Faire une — dans le camp ennemi. *Miantoraka* amy ny tobin' ny fahavalo. 3° *fig.* Firehidrehitra, hasarotam-po, zavatra manaitra ny saina. Il faut réprimer les saillies de la jeunesse. Tokony hofolahina ny *firehidrehitra*, ny *hasarotam-pon'* ny tanora. Livre plein de saillies. Boky be *zavatra manaitra ny saina.*

SAILLIR, *vn.* Mandondona, mandomba, mandroso, mitatao, mivohitra, mitringitringy, montotra, mivoaka.

SAIN, SAINE, *adj.* 1° Salama, finaritra. Cet homme n'est pas—. Tsy *salama*, etc., io lehilahy io. Il est revenu — et sauf. Niverina *salama* tsy marofy izy, niverina soa aman-tsara, nieren-doza, afa-doza izy. 2°—, Tsy lo, tsy simba, tsara toetra. Fruits sains. Voankazo *tsy lo, tsy simba.* Ce cheval a les jambes saines. *Tsara toetra* ny tongotr'io soavaly io. 3°—, Mahasalama, tsy mahafarofy. Pays —. Tany *mahasalama*, etc. 4° *fig.* Mahitsy, marina. Il a l'esprit —. *Mahitsy* saina izy. Il a le jugement —. Mahay mitsara *marina* izy. Des opinions saines. Hevitra *mahitsy*, etc.

SAINDOUX, *sm.* Mena-kisoa.

SAINEMENT, *adv.* 1° Mahasalama. Vous n'êtes pas logé — dans cette maison. Tsy *mahasalama* anao ny mitoetra amin' ity trano ity. 2° *fig.* Mahitsy, marina, araka ny marina. Il pense —. *Mahitsy* ny heviny. Il juge — des choses. Mitsara *marina* ny zavatra, mitsara ny zavatra *araka ny marina* izy.

SAINFOIN, *sm.* Karazam-bilona afafy.

SAINT, SAINTE, *adj.* Masina. L'Esprit —. Ny Fanahi-*Masina.* Une pensée sainte. Hevitra *masina.* Les saints mystères. Ny mistery *masina.* Les saints autels. Ny otely *masina.* La sainte union conjugale. Ny fikambanana *masin'* ny mpivady. Les lieux saints, la terre sainte. Ny tany *masina.*

—, *s.* Olo-masina, masin-dahy, masimbavy. La communion des saints. Ny fiombonan' ny *olo-masina.* — Jean. *Masin-dahy* Joany. Sainte Elisabeth. *Masim-bavy* Elizabeta. Le — des saints. Ny fitoerana *masina* indrindra.

SAINTEMENT, *adv.* Amim-pahamasinana, tahaka ny olo-masina. Il est mort —. Maty *tamim-pahamasinana,* nanao fahafatesan' *olo-masina* izy.

SAINTETÉ, *sf.* 1° Fahamasinana. La — des apôtres. Ny *fahamasinan'* ny apostoly. 2°—, Anaram-boninahitra fanajana ny papa.

SAINT-PÈRE, *sm.* Ny papa, ny ray masina.

SAINT-SIÈGE, *sm.* 1° Fiketrahan' ny papa. 2° —, Ny papa. Les décisions du —. Ny didin' *ny papa.*

SAISI, IE, *p.* et *adj.* 1° Voasambotra, nosamborina, voaray, noraisina. 2°—, Nalaina, voababo, nobaboina. 3°—, Nitondrana, nitoriana. Le tribunal a été — de cette affaire. Ny mpitsara no *nitondrana*, etc., izany raharaha izany. 4° *fig.* Hita, fantatra, azo, voa. Il fut — de la fièvre. *Azo, voan'* ny tazo izy. Il fut — de peur. *Azon'* ny tahotra izy.

—, *sm.* Ny alaim-pananana. Le — et le

saisissant. Ny *alaim-pananana* sy ny mpaka.

SAISIE, *sf.* Fakam-pananana, famaboana.

SAISIR, *va.* 1° Misambotra, mandray. — un cheval par la bride. *Misambotra* soavaly amy ny lamboridy. — une hache par le manche. *Mandray* famaky amy ny zarany. 2°—, Maka, mamabo. Il y a des objets qui ne peuvent être saisis pour aucune créance. Misy zavatra sasany tsy azo *alain*-trosa. On a saisi des objets de contrebande. Efa *nobaboina* ny zavatra sasany nafenina tamy ny ladoany. 3°—, Mitondra, mitory. Il a saisi le tribunal de son affaire. *Nitondra, nitory* ny raharahany tamy ny mpitsara izy. 4° *fig.* Mahita, mahafantatra, mahazo, mahavoa. Vous n'avez pas saisi le sens de ces paroles. Tsy *nahita*, tsy *nahafantatra*, tsy *nahazo* ny hevitr' ireo teny ireo hianao. Vous n'avez pas saisi ce que j'ai dit. Tsy *azonao* izay voalazako. Saisissez bien ce que je vous dis. *Fantaro* tsara izay lazaiko aminao. Le froid l'a saisi. *Azon'* ny hatsiaka izy. La douleur l'a saisi. *Azon'* ny alahelo izy. ‖ *loc.* — l'occasion. Manararaotra.

Se saisir, *vpr.* Misambotra, mandray, maka. Il faut se — de cette place. Tokony *hataina* izany tanána izany.

SAISISSABLE, *adj.* Azo alaina.

SAISISSANT, ANTE, *adj.* Manampoka, manaitra. Froid —. Hatsiaka *manampoka*, etc.

—, *sm.* Mpaka fananana.

SAISISSEMENT, *sm.* 1° Hatairana avy amy ny hatsiaka. 2° *fig.* Hatairana.

SAISON, *sf.* 1° Fizaran-taona. Les quatre saisons de l'année sont le printemps, l'été, l'automne et l'hiver. Ny *fizarana* efatry ny *taona* dia ny lohataona, ny fahavaratra, ny fararano ary ny ririnina. 2°—, Taona, andro. La — des semailles. Ny *taom*-pamafazana. La — des pluies. Ny *andro* be ranonorana, ny *andro* fahavaratra. 3° *fig.* Ce que vous dites est hors de —, Tsy tokony holazainao amin' izao izany.

SALADE, *sf.* Salady. — de cresson. *Salady* atao amy ny anandrano.

SALADIER, *sm.* Fitoeran-tsalady.

SALAGE, *sm.* Fanisian-tsira.

SALAIRE, *sm.* 1° Karama, tamby. Il a reçu le — de son travail. Nandray ny *karama*, ny *tambin'* ny asa nataony izy. 2° *fig.* Valy, tody. Le méchant recevra le — de ses crimes. Ny ratsy fanahy handray ny *valy*, ny *todin'* ny heloka ataony.

SALAISON, *sf.* 1° Fanisian-tsira ny hena, ny hazandrano, etc., mba hitahirizana azy. 2°—, Hena, hazandrano, etc., voaisy sira.

SALAMALEC, *sm.* Fiarahabana manjoko. Faire des salamalecs. *Miarahaba manjoko.*

SALAMANDRE, *sf.* Karazam-biby mitovitovy amy ny matahotrandro.

SALANT, *adj. m.* Marais —. Farihy fakan-tsira.

SALARIÉ, ÉE, *adj.* et *s.* Mpikarama, karamaina, mpitamby, tambazana.

SALARIER, *va.* Manakarama, manarama, manome karama, manamby, manome tamby.

SALAUD, AUDE, *s.* Olona voretra, — vorery, — tangovorery.

SALE, *adj.* 1° Maloto, misotisoty, misotitika, misolotidotika, tsy mahadio tena, mikorondondy, mikesonkesona, mifotafota. Comme MALPROPRE. 2° *fig.* Maloto, mahafa-baráka. Paroles sales. Teny *malotò*. Une — affaire. Raharaha *mahafa-baráka*.

SALÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Misy sira, mangidy sira, sira, voaisy sira, nasian-tsira. Eau salée. Rano *misy sira, mangidy sira*. Cela est trop —. *Mangidy sira* loatra izany. Bœuf —. Omby *sira*. Porc —. Lambo *sira*. Poisson —. Hazandrano *voaisy sira, nasian-tsira*. Pas assez —. *Masirasira*, masimasina. 2° *fig.* Manindrona. Raillerie salée. Fanarabiana *manindrona*.

—, *sm.* Lambo sira. Petit —. *Lambo sira* vaovao

SALEMENT, *adv.* Amim-pahalotoana.

SALER, *va.* 1° Manisy sira, mahamasina, mampangidy. Ce sel ne suffit pas pour — le ragoût. Tsy ampy *hahamasina, hampangidy* ny nahandro ity sira ity. 2° *fig.* Manao lafo, —an-trano tokana. — ses pratiques. *Manao lafo*, etc.

SALETÉ, *sf.* 1° Fahalotoana, haloto, loto, fisotisoty, fisotitika, fisolotidotika, fikorondendy, fikesonkesona, fifotafota. 2°—, Zavatra maloto. Ôter la —. Manesotra ny *zavatra maloto*. 3° *fig.* Teny maloto, zavatra maloto.

SALEUR, EUSE, *s.* Mpanisy sira hena, hazandrano, etc., mba hitahirizana azy.

SALIÈRE, *sf.* Fitoeran-tsira.
SALIGAUD, AUDE, *s.* Olona voretra, — vorery, — tangovorery.
SALIN, INE, *adj.* Misy sira, mangidy sira.
SALINE, *sf.* Rano atao sira, tany ihadian-tsira,
SALIR, *va.* 1° Mandoto. Cet enfant salit ses habits. *Mandoto* ny akanjony io zazalahy io. 2° *fig.* Mandoto, manosopotaka, manala baràka. — la réputation de quelqu'un. *Mandoto,* etc., olona.
Se salir, *vpr.* Mihamaloto.
SALISSANT, ANTE, *adj.* 1° Mamindra loto. Les gants noirs sont salissants. *Mamindra loto* ny gan-tánana mainty. 2°—, Mora maloto. Le blanc est —. *Mora maloto* ny zavatra fotsy.
SALISSURE, *sf.* Loto.
SALIVAIRE, *adj.* Momba ny ivy. Glandes salivaires. Glanda iforonan' ny *ivy.*
SALIVATION, *sf.* Fitoraka ivy.
SALIVE, *sf.* Ivy.
SALIVER, *vn.* Mitoraka ivy.
SALLE, *sf.* Efi-trano malalaka. —à manger. *Efi-trano* fihinanana.
SALON, *sm.* 1° Efi-trano fandraisana olona. 2° *fig.* Olona mihaja. Fréquenter les salons. Mamangy matetika ny *olona mihaja.*
SALOPE, *adj.* et *sf.* Voretra, vorery, tangovorery.
SALOPERIE, *sf.* Havoretra, havorery, fikesonkesona.
SALPÊTRE, *sm.* Naitrara, sirantany.
SALPÊTRER, *va.* 1° Mampifangaro naitrara amy ny tany mba hahamafy azy. 2° —, Mampiteraka siran-tany. L'humidité salpêtre les murs. Ny hamandoana *mampiteraka siran-tany* ny rindrina.
Se salpêtrer, *vpr.* Miteraka siran-tany. Les murs se salpêtrent. *Miteraka siran-tany* ny rindrina.
SALPÊTRIER, *sm.* Mpanao naitrara.
SALPÊTRIÈRE, *sf.* Trano fanaovana naitrara.
SALSIFIS, *sm.* Karazan'anana mamody.
SALTIMBANQUE, *sm.* 1° Mpanao dihim-bazaha, olona kinga tánana. 2° *fig.* Ariralahy, kapotsaka, harankana.
SALUBRE, *adj.* 1° Mahasalama. Nourriture —. Hanina *mahasalama.*
SALUBRITÉ, *sf.* Hatsarana. La — de l'air. Ny hatsaran' ny rivotra.
SALUER, *va.* 1° Miarahaba. —un vieillard. *Miarahaba* lahiantitra. 2° —, Mampanao veloma, mampamangy. Je vous prie de le — de ma part. Aza fady, *mampanao veloma,* etc., azy aho. 3°—, Miantso. Les soldats le saluèrent empereur. *Nantsoin'* ny foloalindahy ho emperora izy.
Se saluer, *vpr.* Mifampiarahaba.
SALURE, *sf.* Hangidy sira. Diminuer la — d'une viande. Mampihena ny *hangidy siran'* ny hena.
SALUT, *sm.* 1° Famonjena. De là dépend le — de l'État. Izany no iankinan' ny *famonjen'* ny fanjakana. Il ne dut son — qu'à la fuite. Tsy *voavonjy* izy raha tsy nandositra. Travaillez à votre —. Mikeleza aina *hamonjy* ny fanahinao. 2°—, Fiarahabana, arahaba. Rendre le —. Mamaly *fiarahabana,* etc. 3°—, Fitsofan-drano ny vahoaka amy ny Sakramenta masina.
SALUTAIRE, *adj.* Mahatsara, mahasoa, mahavonjy. Remède —. Fanafody *mahatsara, mahasoa.* Pensée —. Hevitra *mahasoa, mahavonjy.* Loi —. Lalàna *mahasoa.*
SALUTAIREMENT, *adv.* Mahasoa.
SALUTATION, *sf.* Fiarahabana. — angélique. *Fiarahaban'* ny anjely.
SALVE, *sf.* 1° Fanapoahana tafondro maro, fanaovana rere. Il fut salué par une — de vingt et un coups de canon. *Tafondro* iraika amby roapolo vava no *napoaka* hiarahabana azy. Il fut salué par une — de mousqueterie. Noarahabaina tamy ny basy *natao rere* izy. 2° —, Fikotrokotroka. — d'applaudissements. Tehaka *mikotrokotroka.*
SAMEDI, *sm.* Sabotsy, asabotsy.
SANCTIFIANT, ANTE, *adj.* Mahamasina. La grâce sanctifiante. Ny fahasoavana *mahamasina.*
SANCTIFICATEUR, *s.* et *adj. m.* Mpanamasina. L'Esprit —. Ny Fanahy *mpanamasina.*
SANCTIFICATION, *sf.* Fanamasinana, fankamasinana.
SANCTIFIER, *va.* Manamasina, mahamasina, mankamasina. La grâce sanctifie nos âmes. Ny fahasoavana *mahamasina* ny fanahintsika. Sanctifiez le

jour du dimanche. *Mankamasina* ny andro alahady.

SANCTION, *sf.* 1° Fankatoavana. 2°—, Sazy, valisoa. Cette loi manque de—. Tsy misy *sazy*, etc., izany lalána izany.

SANCTIONNER, *va.* Mankató. —une loi. *Mankaló* lalána anankiray. C'est un usage sanctionné par le temps. Fanao *nankatoavina* tsikelikely izany.

SANCTUAIRE, *sm.* 1° Fitoerana masina indrindra tamy ny tempoly taloha. 2°—, Fitoerana masina amy ny trano leglizy. 3° *fig.* Le — de la justice. Ny trano fitsarana.

SANDAL, *sm.* (Hazo) sandaly.

SANDALE, *sf.* Kapa.

SANG, *sm.* 1° Ra. Verser le —. Mandatsa-*dra*. Mettre quelqu'un en —. Mahavaky *ra* olona. C'est un homme de —. Lehilahy tia *ran'* olona, olona masiaka izy. Cela fait faire du mauvais —. Mampisondrotra ny *ra* izany. Le — lui monte à la tête. Misondrotra ny *rany*. 2° *fig.* Razana, fianakaviana, karazana, taranaka, sakelika. Il est d'un — illustre. Avo *razana* izy. Ils sont tous de même —. Miray *fianakaviana* izy rehetra. C'est un cheval de — arabe. *Karazana, tarana*-tsoavaly arabo itony. Les princes du —. Ny zanak'andriana izay tena *sakelik*'andriana.

SANG-FROID, *sm.* Tsy firaihana. Il lui répondit avec —. Namaly azy *tsy niraika* akory izy. Il l'a tué de—. Namono azy *tsy niraika* akory izy.

SANGLANT, ANTE, *adj.* 1° Misy ra, feno ra, mihosin-dra. Vêtement—. Fitafiana *misy ra*, etc. 2°—, Misy ra mandriaka. Combat—. Ady *misy ra mandriaka*. 3° *fig.* Mafy dia mafy. Outrage—. Faniratsirana *mafy dia mafy*.

SANGLE, *sf.* Etra, fehikibo, anja-koditra.

SANGLER, *va.* 1° Mamehy lasely, mamehy amy ny anja-koditra, manisy anja-koditra. Ce cheval n'est pas bien sanglé. Tsy *voafehy* tsara ny *laselin'* io soavaly io. — un lit. *Manisy anja-koditra* farafara. 2° *fig.* Manafiritsoka, mandrehitra. Il lui sangla un coup de fouet. *Nofiritsohany, norehetany* karavasy izy.

Se sangler, *vpr.* Mietra.

SANGLIER, *sm.* Lambo.

SANGLOT, *sm.* Hentohento, gigika, goigoika.

SANGLOTER, *vn.* Maty hento, migigika, migoigoika.

SANGSUE, *sf.* 1° Dinta. 2° *fig.* Mpihinam-bahoaka.

SANGUIN, INE, *adj.* 1° Momba ny ra. Vaisseaux sanguins. Lálan-*dra*. 2°—, Be ra. Il est d'un tempérament—. *Be ra* izy.

SANGUINAIRE, *adj.* Ratsiain-dra, tia ran' olona, masiaka.

SANGUINOLENT, ENTE, *adj.* Misy ra, miharo ra. Crachats sanguinolents. Rehoka *misy ra*, etc.

SANITAIRE, *adj.* Momba ny hasalamana. Règlements sanitaires. Lalána *momba ny hasalamana.* ‖ *loc.* Cordon —. Famonoan-dálana hisakana ny olona avy amy ny tany maty.

SANS, *prép.* 1° Tsy, tsy manana, tsy misy, tsy aman-. Il est — malice. *Tsy* sompatra izy. — cesse. *Tsy* an-kijanona. Il est — argent. *Tsy manam*-bola izy. Un homme — pareil. Olona *tsy manam*-paharoa. Une lettre—signature. Taratasy *tsy misy* sonia. —crainte. *Tsy aman*-tahotra. 2°—, Raha tsy, na dia...aza. — vous, je n'aurais pas été placé. *Raha tsy* hianao, tsy nahazo rabaraba aho. Il a fait cela — qu'on le lui ait dit. Nanao izany izy, *na dia* tsy nasaina nanao *aza*.

SANS-CŒUR, *sm.* Kanosa, olona ratsy fo.

SANS-DENT, *sf.* Vaviantitra tsy anify, — banga ridana.

SANS-GÊNE, *sm.* Fiangolangola, fitohatoha. Il est d'un — incroyable. Tsy azo heverina ny *fiangolangolany*, etc.

SANS-SOUCI, *sm.* Olona tsy manana eritreritra, — ahiahy.

SANTÉ, *sf.* 1° Hasalamana, hafinaretana. Il jouit d'une bonne —. *Salama* tsy marofy, *finaritra* izy. ‖ *loc.* Maison de —. Trano fitsaboana. 2°—, Santé, fiarahabana am-pisotroana. Porter une —. Manao *santé*, etc.

SANTONINE, *sf.* Ody kankana, vovoka pilokankana.

SAPE, *sf.* Fangirihana vody rindrina mba hampianjera azy.

SAPER, *va.* 1° Mangirika vody rindrina. 2° *fig.* Mandrava. — les fondements d'un État. *Mandrava* izay iorenan' ny fanjakana.

SAPEUR, *sm.* 1° Miaramila mpanamboatra lálana. 2°—, Mpamonjy hain-trano. Sapeurs-pompiers. *Mpamonjy hain-trano* amy ny basirano.

SAPHIR, *sm*. Vatosoa mangamanga, safira.
SAPIN, *sm*. Karazan-kazo misy dity.
SARBACANE, *sf*. Tsirika fitifiram-borona.
SARCASME, *sm*. Fandatsana, fanarabiana, haraby.
SARCASTIQUE, *adj*. Mandatsa, manaraby. Propos —. Teny *mandatsa*, etc.
SARCELLE, *sf*. Tsiriry (vorona).
SARCLAGE, *sm*. Fiavana.
SARCLER, *va*. Miava. — un champ. *Miava* voly.
SARCLEUR, EUSE, *s*. Mpiava.
SARCLOIR, *sm*. Antsetra fiavana.
SARCLURE, *sf*. Ahitra avy amy ny niavana voly.
SARCOPHAGE, *sm*. 1° Vata nilevenan' ny ntaolo. 2°—, Tranovorona.
SARDINE, *sf*. Saridina.
SARDONIQUE, *adj*. Rire —. Hehy valaka.
SARMENT, *sm*. Rantsam-boaloboka.
SARMENTEUX, EUSE, *adj*. Be rantsana. Vigne sarmenteuse. Fotoboaloboka *be rantsana*.
SAS, *sm*. Sivana, fanintsanana.
SASSER, *va*. 1° Manasivana, manintsana. — de la farine. *Manasivana*, etc., lafarina. 2° *fig*. Mandinidinika, manasivana. — une affaire. *Mandinidinika*, etc., raharaha anankiray.
SATAN, *sm*. Satana.
SATANIQUE, *adj*. Any Satana, ratsy izaitsizy. Méchanceté —. Hasomparana *ratsy izaitsizy*.
SATELLITE, *sm*. Planeta madinika momba sady manodidina ny lehibe. La lune est le — de la terre. Ny volana no *momba sady manodidina* ny tany.
SATIÉTÉ, *sf*. 1° Fahatofohana. Il mange jusqu' à —. Homana mandra-*pahatofony* izy. 2° *fig*. Fahabobohana.
SATIN, *sm*. 1° Parasily. 2° *fig*. Il a une peau de —. Malemy hoatra ny vololondravina, — ny vohavoha ny hodiny.
SATINADE, *sf*. Parasily manify.
SATINAGE, *sm*. Fampamirapiratana hoatra ny parasily, famirapiratra —.
SATINÉ, ÉE, *adj*. Mamirapiratra hoatra ny parasily. Papier —. Taratasy *mamirapiratra hoatra ny parasily*.
SATINER, *va*. Mampamirapiratra hoatra ny parasily.
SATIRE, *sf*. 1° Tonon-kira fanarabiana, — faniniana. 2°—, Fanarabiana, fanaratsiana.
SATIRIQUE, *adj*. 1° Momba ny *satire*. 2°—, Mpanaraby, mpanaratsy. Homme —. Lehilahy *mpanaraby*, etc.
—, *sm*. Mpanao *satire*.
SATIRIQUEMENT, *adv*. Amim-panarabiana.
SATISFACTION, *sf*. 1° Hafaliana, fahafaham-po, fankasitrahana, fankatelemana. Il donne de la — à ses parents. *Mahafaly*, *mahafa-po* ny rainy amandreniny izy. Il en a témoigné sa —. *Fankasitrahana* sy *fankatelemana* no nataony noho izany. 2°—, Fanonerana. Il faut que la — soit proportionnée à l'offense. Tsy maintsy hifandanja amy ny hadisoana ny *fanonerana*.
SATISFACTOIRE, *adj*. Mahonitra ny fahotana. Les bonnes œuvres sont satisfactoires. Ny asa soa *mahonitra ny fahotana*.
SATISFAIRE, *va*. Mahafaly, mahafapo, manala liana, mahafa-diana, manefa, manaraka, miala fo. Cette preuve me satisfait. *Mahafa-po* ahy izany porofo izany. — sa curiosité. *Manala liana*, *mahafa-diana* ny masony. — ses créanciers. *Manefa* ny volan' olona. — sa passion. *Manaraka* ny filan-dratsiny. — sa colère. *Miala fo* amy ny hatezerana.
—, *vn*. Manatanteraka, manonitra. Il a satisfait au précepte. *Nanatanteraka* ny didy izy. Il a satisfait à la justice de Dieu. *Nanonitra* ny ratsy nataony tamin' Andriamanitra izy.
Se satisfaire, *vpr*. Afa-po, afa-diana, miala liana, miala fo.
SATISFAISANT, ANTE, *adj*. Mahafaly, mahafa-po.
SATISFAIT, AITE, *adj*. Faly, afa-po, mankasitraka. Je suis — de votre travail. *Faly*, *afa-po* amy ny asa nataonao aho, *mankasitraka* ny asa nataonao aho. Les désirs de l'avare ne sont jamais satisfaits. Tsy mety *afa-po* amy ny faniriany ny kahihitra.
SATRAPE, *sm*. Governora tany Persa fahiny.
SATURATION, *sf*. Havontosan' ny rano.
SATURÉ, ÉE, *adj*. 1° Vonton javatra. De l'eau saturée de sucre. Rano *vontontsiramamy*. 2° *fig*. Boboka, tofoka. Il en est —. *Boboka*, *tofok'* izany izy.

SATURER, *va.* Mamonto zavatra ny rano.

SATURNALES, *sf. pl.* Andro filibana, andro tsy maty.

SATURNE, *sm.* Anaram-planeta lehibe, satorna.

SAUCE, *sf.* Lasaosy, ro.

SAUCÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Naroboka amy ny ro. 2°—, Kotsa. 3° *fig.* Voalevilevy, nolevilevena.

SAUCER, *va.* 1° Mandroboka amy ny ro. 2° *fig.* Mandevilevy.

SAUCIÈRE, *sf.* Bakoly fitoeran-dasaosy.

SAUCISSE, *sf.* Sesika, sosisy.

SAUCISSON, *sm.* Sesika lehibe, sosisoa.

SAUF, SAUVE, *adj.* Afa-doza, soa aman-tsara, Il a eu la vie sauve. *Afadoza* izy. Il est revenu sain et —. Tafaverina *soa aman-tsara* izy.

Sauf, *prép.* Afa-tsy. — meilleur avis. *Afa-tsy* raha misy hevitra tsaratsara kokoa. Il lui a cédé tout son bien, — un domaine. Nahafoy ny fananany rehetra ho azy izy, *afa-tsy* saha anankiray.

SAUF-CONDUIT, *sm.* Karazam-pasipaoro.

SAUGE, *sf.* Rambiazina.

SAUGRENU, UE, *adj.* Tsy misy heviny, adala. Réponse saugrenue. Valinteny *adala.*

SAULE, *sm.* Karazan-kazo mitovitovy amy ny hazomalahelo. — pleureur. *Hazomalahelo.*

SAUMÂTRE, *adj.* Matsatso. Eau —. Rano *matsatso.*

SAUMON, *sm.* Karazan-kazandrano mitovitovy amy ny zimpona.

SAUMURE, *sf.* Ranon-tsira itahirizankena na hazandrano.

SAUPIQUET, *sm.* Lasaosy mampazoto homana.

SAUPOUDRER, *va.* 1° Manisy sira, — dipoavatra, etc. 2° *fig.* Manisika. — une lettre de bons mots. *Manisika* hatsikana amy ny taratasy ampitondraina.

SAUT, *sm.* Fitsambikinana, fivikinana, fiantsamborana, fitsipihana, fipihana. Faire un — périlleux. *Miantsambotra* manao tsimbadik' amponga.

SAUTER, *vn.* 1° Mitsambikina, mivikina, miantsambotra, mitsipika, mipika. Il saute bien. Mahay *mitsambikina, mivikina, miantsambotra* izy. —en l'air. *Miantsambotra.* Les makis sautent de branche en branche. *Mitsambikimbikina, mivikimbikina, mitsipitsipika, mipipika* eran' ny rantsan-kazo ny varika. La puce saute. *Mitsipika, mipika* ny parasy. — de joie. *Miantsambotsambotra* noho ny hafaliana, mibitaka. 2°—, Mianjera, vaky miparitaka. Le feu a pris aux poudres, et le bâtiment a sauté. Tratry ny afo ny vanja, ka *nianjera* ny trano. Il fit — son navire. Nanapoahany vanja ny sambony ka *vaky niparitaka.* 3°—, Miantoraka, miezaka. Il a sauté sur lui pour le frapper. *Niantoraka* taminy mba hamely azy izy. Il sauta sur son pistolet. *Niezaka* nandray ny basy poletany izy. 4° *fig.* Mifindra. — d'une idée à une autre. *Mifindra* amy ny hevitra hafa. || *loc.* —aux nues. Mitroatra. Cela saute aux yeux. Miharihary izany.

—, *va.* 1° Mitsambikina, mamikina, mivikina, mandingana, mandika. — un fossé. *Mitsambikina,* etc., ny hady. 2° *fig.* Mandingana. Il a sauté une ligne. *Nandingana* andalan-tsoratra iray izy.

SAUTERELLE, *sf.* Valala.

SAUTEUR, EUSE, *s.* Mpitsambikina, mpivikina, mpiantsambotra.

SAUTILLANT, ANTE, *adj.* Mitsambikimbikina, mivikimbikina, mitsipitsipika, mipipika.

SAUTILLEMENT, *sm.* Fitsambikimbikina, fivikimbikina, fitsipitsipika, fipipika.

SAUTILLER, *vn.* Mitsambikimbikina, mivikimbikina, mitsipitsipika, mipipika. Les cardinaux sautillent. *Mitsambikimbikina,* etc., ny fody.

SAUTOIR, *sm.* En —. Mifanao tanambokovoko. Deux épées étaient placées en — sur le cercueil. Nisy zepe roa *nifanao tanam-bokovoko* napetraka tao ambonin' ny tranovorona.

SAUVAGE, *adj.* 1° Dia, baribariana, haolo. Les animaux sauvages. Ny biby *dia.* Tribu —. Firenena *dia, baribariana.* Un chat —. Saka *dia.* Bœuf —. Omby *haolo,* omby manga. 2°—, Maniry ho azy, romby, lava volo. Prunes sauvages. Paisom-bazaha *maniry ho azy.* Miel —. Tantely *romby.* Pays —. Tany *lava volo,* efitra, ala. 3° *fig.* Haolohaolo, kaody. Ce jeune homme est encore —. Mbola *haolohaolo,* etc., izany tovolahy izany.

—, *sm.* Olon-dia. Il vit en —. Manao toetr'*olon-dia* izy.

SAUVAGEON, *sm.* Zana-kazo maniry ho azy.

SAUVAGERIE, *sf.* Hakaody, hakaodiana.

SAUVEGARDE, *sf.* Fiarovana. Le gouverneur l'a pris sous sa —. Naka azy *hoarovana* ny governora. Sa vertu lui sert de —. *Miaro* azy ny hatsarampanahiny.

SAUVEGARDER, *va.* Miaro. — les droits des absents. *Miaro* ny an' izay tsy eo.

SAUVE-QUI-PEUT, *int.* et *sm.* Samia mamonjy aina !

SAUVER, *va.* 1° Manafaka amy ny loza, mamonjy. Il a sauvé son pays. *Nanafaka* ny tanin-drazany *tamy ny loza* izy. — quelqu'un d'un naufrage. *Mamonjy* olona rendrika. Vous m'avez sauvé la vie. *Namonjy* ny aiko hianao. Dieu a envoyé son Fils pour — tous les hommes. Andriamanitra naniraka ny Zanany mba *hamonjy* ny olombelona rehetra. 2° —, Manarona. — les apparences. *Manaron*-kadisoana.

Se sauver, *vpr.* Mandositra, manafatena, manavotra aina, mialoka, mamonjy tena. Il s'est sauvé à la nage. *Nandositra*, *nanavotra aina* nilomano izy. Il se sauva dans les pays étrangers. *Nialoka* tany amy ny fanjakana hafa izy.

SAUVETAGE, *sm.* Famonjena sambo rendrika.

SAUVEUR, *sm.* Mpanafaka, mpamonjy. Il fut le — de son pays. Izy no *mpanafaka* ny tanin-drazany. Le — du monde. Ny *Mpamonjy* ny olombelona.

SAVAMMENT, *adv.* Amim-pahalalana, amim-pahaizana. Il en parle —. Milaza izany *amim-pahalalana* izy. Il écrit—. Mampiseho *fahaizana* amy ny laha-teny an-tsoratra ataony izy.

SAVANE, *sf.* Tany lemaka lava volo.

SAVANT, ANTE, *adj.* 1° Mahay. C'est un homme fort—. Lehilahy *mahay* dia mahay izy. Il est — dans l'art de feindre. *Mahay* manafin-kevitra izy. 2°—, Mampiseho fahaizana. Un livre—. Boky *mampiseho fahaizana*. Ce général a fait une marche savante. Nanao dia *nampiseho fahaizana* io jeneraly io.

—, *sm.* Olo-mahay.

SAVANTASSE, *sm.* Olona ta-hatao ho mahay.

SAVATE, *sf.* 1° Voro-kiraro. 2° *fig.* Traîner la—. Mahantra.

SAVETIER, *sm.* Mpanamboatra kiraro tonta.

SAVEUR, *sf.* Tsiro, hafý, hatsara. Voy. SAVOUREUX.

SAVOIR, *va* Mahalala, mahafantatra, mahita, mahay, mandre. Il sait le chemin. *Mahalala* ny lálana izy. *fantany* ny lálana. Il sait le secret. *Mahalala*, *mahafantatra* ny tsiambaratelo izy. Où reste Paul? Je n'en sais rien. Aiza no itoerany Paoly? Tsy *fantatro*, asa. Je ne sais que faire. Tsy *fantatro*, tsy *hitako* izay hataoko. Il sait le latin. *Mahay* fiteny latina izy. Il sait se conduire. *Mahay* mitondra tena izy. Il sait sa leçon. *Mahay* ny tsianjeriny izy. Il sait se défendre. *Mahay* miaro tena izy. Il sait cela de bonne part. Olona mahatoky no *nahalalana*, *nahafantarana*, *nandrenesany* izany. Faites-moi — de vos nouvelles. *Ampandreneso* ny toetrao aho. — gré. Voy. GRÉ. Un je ne sais quoi. Zavatra tsy *hain'* ny vavako lazaina. Il y a dans ce livre un je ne sais quoi qui me charme. Amin' izany boky izany misy zavatra mahafinaritra ahy, nefa tsy *hain'* ny vavako lazaina.

—, *vn.* Mahalala, mahafantatra, mahay. Si jeunesse savait. Raha *nahalala*, *nahafantatra* ny tanora. Il a un grand désir de —. Maniry dia maniry mba *hahay* izy.

Savoir, à savoir, *loc. conj.* Izany hoe. On a vendu pour mille francs de meubles; —: deux tapisseries pour cinquante francs, quatre armoires pour cent francs, etc. Roan-jato no vidim-panaka lafo; *izany hoe*: ariary folo vidin' ny lamba temitra roa misoratsoratra, ariary roapolo vidin-dalomoara efatra, etc.

C'est à savoir, *loc. conj.* Iza no mahalala, iza no mahita. Vous assurez qu'il viendra, c'est à — s'il le pourra. Hianao milaza fa ho avy izy, fa *iza no mahalala*, etc., na ho afaka izy na tsia.

SAVOIR, *sm.* Fahaizana. C'est un homme de peu de —. Kely *fahaizana* izy.

SAVOIR-FAIRE, *sm.* Fahaizana mitondra raharaha. Il vit de son —. Ny *fahaizany mitondra raharaha* no ivelomany.

SAVOIR-VIVRE, *sm.* Fahaiza-miaina. Il a du —. *Mahay miaina* izy.

SAVON, *sm.* 1° Savony. 2° *fig.* Fando-

vilevena. Il a reçu un —. *Nolevilevena* izy.

SAVONNAGE, *sm.* Fanasana amy ny savony.

SAVONNER, *va.* 1° Manasa amy ny savony, manoso-tsavony. 2° *fig.* Mandevilevy.

SAVONNERIE, *sf.* Trano fanaovantsavony.

SAVONNETTE, *sf.* Savony manitra.

SAVONNEUX, EUSE, *adj.* Hoatra ny savony.

SAVONNIER, *sm.* Mpanao savony.

SAVOURER, *va.* 1° Mihaino ny tsiro, — ny hatsarana. Savourez ce mets. *Henoy ny tsiron'* io nahandro io. — le vin. *Mihaino ny hatsaran'* ny divay. 2° *fig.* Mankafy, mankamamy, mankasitraka. Il savoure les honneurs. *Mankafy,* etc., voninahitra izy.

SAVOUREUX, EUSE, *adj.* Matsiro, fy, mafilotra, tsara. Mets —. Nahandro *matsiro, fy, mafilotra.* Fruits —. Voankazo *tsara.*

SCABREUX, EUSE, *adj.* 1° Sarotra. Chemin—. Lálan-*tsarotra.* 2° *fig.* Sarotra. Affaire scabreuse. Raharaha *sarotra.*

SCALPEL, *sm.* Antsin'ny dokotera fandidiam-paty.

SCANDALE, *sm.* Fahatafintohinana, fanafintohinana, zavatra mahatafintohina. Malheur à ceux par qui le — arrive! Loza ho an'izay ihavian'ny *fahatafintohinana,* ny *fanafintohinana!* Evitez le —. Aza manao *zavatra mahatafintohina.* Cela cause du —. *Mahatafintohina* izany.

SCANDALEUSEMENT, *adv.* Mahatafintohina.

SCANDALEUX, EUSE, *adj.* Mahatafintohina. Doctrine scandaleuse. Fampianarana *mahatafintohina.*

SCANDALISER, *va.* Mahatafintohina, manafintohina.

Se scandaliser, *vpr.* Tafintohina.

SCAPULAIRE, *sm.* Sikapolera.

SCARLATINE, *sf.* Tazo mifindra-mahateratera-mena ny hoditra.

SCEAU, *sm.* 1° Fitomboka. Apposer le —. Manisy *fitomboka.* Le — est effacé. Maty ny *fitomboka.* 2° *fig.* La vanité est le — de la médiocrité. Ny fireharehana no famantarana manambara ny olona tsy hendry loatra. Il m'a confié cela sous le — du secret. Nanambara izany tamiko hiany izy fa namepetra, nanafatrafatra ahy tsy hiluza amin' olona. Mettre le — à une chose. Manapitra, mandavorary zavatra.

SCÉLÉRAT, ATE, *adj.* Tsy misorodoza, mahavanon-doza. Esprit —. Olona *tsy misoro-doza,* etc. Complot —. Tetidratsy *mahavanon-doza.*

—, *s.* Olona tsy misoro-doza. C'est un franc —. Tena *olona tsy misoro-doza* izy.

SCÉLÉRATESSE, *sf.* Tsy fisorohandoza, fahavanonan-doza.

SCELLÉ, *sm.* Kase apetaky ny mpitsara amy ny varavarana mba tsy hisy hamoha azy.

SCELLEMENT, *sm.* Fandraiketan-javatra anatin' ny rindrina amy ny firaka, — amy ny plastera, etc.

SCELLER, *va.* 1° Manisy fitomboka, manisy kase amy ny varavarana mba tsy hisy hamoha azy. 2°—, Mandraikitra zavatra anatin' ny rindrina amy ny firaka, — amy ny plastera, etc. 3° *fig.* Manamafy. — une alliance. *Manamafy* fihavanana.

SCELLEUR, *sm.* Mpanisy fitomboka.

SCÈNE, *sf.* 1° Lampihazo fisehoan' ny mpanao teatra. 2°—, Sary aposaka amy ny teatra. La — change. Miova ny *sary aposaka amy ny teatra.* 3°—, Zavatra tantaraina amy ny teatra. La — est à Rome. *Zavatra* niseho tany Roma no *tantaraina amy ny teatra.* 4°—, Teatra, fizarazarana ny resaka atao amy ny teatra. 5° *fig.* Il nous a donné une — plaisante. Nanao zavatra mahatsikaiky izy. Faire une — à quelqu' un. Mandevilevy, mamoapoaka olona.

SCEPTICISME, *sm.* Fampianaran' ny filozofa sasany izay nisalasala tamy ny zavatra rehetra.

SCEPTIQUE, *adj.* et *s.* Misalasala amy ny zavatra rehetra.

SCEPTRE, *sm.* 1° Tehim-panjakana. 2° *fig.* Fanjakana, fitondram-bahoaka. Il préféra le — à la vie. Naleony maty toy izay tsy *manjaka.* Il gouvernait avec un — de fer. Ratsy no *nitondrany ny vahoaka.* 3°—, Fiamboniana. Cette nation a le — des mers. Manana *fiamboniana* eny ambony ranomasina izany firenena izany.

SCHELLING, *sm.* Farantsa kely englisy mitovy amy ny kirobo.

SCHISMATIQUE, *adj.* et *s.* Mpisaraka, sismatika.

SCHISME, *sm.* Fisarahana.
SCHISTE, *sm.* Vato mihelakelaka, — miselatselaka.
SCHISTEUX, EUSE, *adj.* Mihelakelaka, miselatselaka. Roche schisteuse. Vatobe *mihelakelaka*, etc.
SCIAGE, *sm.* Fanatsofana.
SCIATIQUE, *adj.* Ao amy ny fe. Nerf —. Hozatra *ao amy ny fe.*
—, *sf.* Aretina mamely ny hoza-pe.
SCIE, *sf.* 1° Tsofa, lasary, tsofa didiravina. — à poignée. *Lasary.* Petite — à poignée. *Tsofa didiravina.* 2°—, Vavána.
SCIEMMENT, *adv.* Fanahy iniana. Il a fait cela —. *Fanahy iniana* no nanaovany izány.
SCIENCE, *sf.* Fahalalana, fahaizana. La — du bien et du mal. Ny *fahalalana* ny tsara sy ny ratsy. Il a beaucoup de —. Be *fahaizana* izy. Les sciences exactes. Ny *fahaizana* samihafa momba ny marika.
SCIENTIFIQUE, *adj.* Momba ny fahaizana samihafa.
SCIENTIFIQUEMENT, *adv.* Araka ny fahaizana.
SCIER, *va.* Manatsofa. — du bois. *Manatsofa* hazo.
SCIERIE, *sf.* Trano fanatsofan-kazo amy ny milina.
SCIEUR, *sm.* Mpanatsofa. — de long. *Mpanatsofa* vatan-kazo ho hazo fisaka.
SCINDER, *va.* Mizarazara. — une proposition. *Mizarazara* fehezin-teny.
SCINTILLANT, ANTE, *adj.* Mihalontralona, mipendrampendrana.
SCINTILLATION, *sf.* Fihalontralona, fipendrampendrana.
SCINTILLER, *vn.* Mihalontralona, mipendrampendrana. Les étoiles scintillent. *Mihalontralona*, etc., ny kintana.
SCION, *sm.* Tsora-kazo.
SCISSION, *sf.* Fisarahana
SCISSIONNAIRE, *s.* et *adj.* Mpisaraka.
SCIURE, *sf.* Tain-tsofa.
SCOLAIRE, *adj.* Momba ny sekoly.
SCOLOPENDRE, *sf.* Trambo.
SCORBUT, *sm.* Karazan' aretina mafy miharo solohitra.
SCORBUTIQUE, *adj.* Hoatra ny *scorbut.*
—, *s.* Olona mararin' ny *scorbut.*
SCORIE, *sf.* Tai-metaly. — volcanique. *Taim*-bolkano.
SCORIFIER, *va.* Manesotra tai-metaly.
SCORPION, *sm.* Maingoka, mambambohitra.
SCRIBE, *sm.* 1° Mpanoratra. 2° —, Mpampianatra ny lalána tamy ny Jody.
SCROFULES, *sf. pl.* Karazan' aretina manimba ny ra ary mahatonga fery amy ny atodin-tenda.
SCROFULEUX, EUSE, *adj.* Momba ny *scrofules.*
—, *s.* Olona mararin' ny *scrofules.*
SCRUPULE, *sm.* 1° Ahiahy be loatra amy ny fahotana. 2°—, Fitandremana lehibe, ahiahy. Il s'attache aux moindres règles avec —. Manaraka amim-*pitandremana lehibe* na dia ny lalána madinika aza izy. Je ne m'en fais pas le moindre—. Tsy manana *ahiahy* amin'izany aho na dia kely aza.
SCRUPULEUSEMENT, *adv.* Amim-pitandremana lehibe.
SCRUPULEUX, EUSE, *adj.* 1° Be ahiahy loatra amy ny fahotana. 2°—, Fatra-pitandrina, manana ahiahy.
SCRUTATEUR, *sm.* Mpandinika, mpamantatra, mpangaroka.
—, *adj.* Mandinika. Un œil —. Maso *mandinika.*
SCRUTER, *va.* Mandinika, mamantatra, mangaroka. — sa conscience. *Mandinika* ny ao am-pony. — la pensée de quelqu'un. *Mamantatra, mangaroka* ny hevitr' olona. — les merveilles de la nature. *Mandinika* ny zava-mahagaga vita-nanahary. Voy. SONDER.
SCRUTIN, *sm.* Latsa-bato. On procède à l'élection d'un député par voie de —. *Latsa-bato* no ifidianana ny solombavam-bahoaka,
SCULPTÉ, ÉE, *p.* et *adj.* Voasokitra, nosokirina, misy sarin-javatra voasokitra. Une boiserie sculptée. Peta-drindrina *misy sarin-javatra voasokitra.*
SCULPTER, *va.* Manao sarin-javatra sokirina, misokitra sarin-javatra.
SCULPTEUR, *sm.* Mpanao sarin-javatra sokirina.
SCULPTURE, *sf.* 1° Fanaovana sarin-javatra sokirina. 2°—, Sarin-javatra voasokitra.
SCYLLA, *sm.* Voy. CHARYBDE.
SE, *pron. pers.* Tena, mi..., mi'an..., mifampi..., mifanka.., fan..., fi..., par-

ticipe, adjectif. — livrer. Manolo-*tena*. — lever. *Mitsangana*. — battre. *Mifamely*. Cela — dit. *Filaza*, *lazain'* ny olona izany. — fâcher. *Tezitra*.

SÉANCE, *sf*. 1° Fahazoana mipetraka amy ny fivoriana anankiray. Il a — dans le conseil. *Mahazo mipetraka* ao *amy ny fivorian'* ny mpanolo-tsaina izy. 2° —, Fivoriana. La — dura longtemps. Naharitra ela ny *fivoriana*. Le parlement tient —. *Vory* ny parlementa. 3° —, Fipetrahana. Ils ont fait une longue — à table. *Nipetraka* ela tao am-pihinanana izy ireo.

SÉANT, *sm*. Fiarenana ao am-pandriana. Il était couché, on le fit mettre sur son —. Nandry izy, ka nasaina *niarina tao am-pandriana*.

SÉANT, ANTE, *adj*. Mety, tokony. Cette parure n'est pas séante. Tsy *mety* izany haingo izany. Il n'est pas — à un homme sage de faire cela. Tsy *tokony* bataon' ny olon-kendry izany.

—, *p. prés.* du verbe *Seoir* inus. Mipetraka, vory. Le parlement était alors — à Paris. *Nipetraka, vory* tao Parisy tamin'izay ny parlementa.

SEAU, *sm*. 1° Baríka kely fitondran-drano. 2° —, Rano eran' ny baríka kely. 3° *fig*. Il pleut à seaux. Mivatravatra ny ranonorana.

SEC, SÈCHE, *adj*. 1° Maina, tsy lena. Terrain —. Tany *maina*. Bois—. Hazo *maina*. Des raisins secs. Voaloboka *maina*. Il a une complexion sèche. Olona *maimaina* izy. Manger du pain—. Migeja vary *maina*. Passer la rivière à pied—. Mita rano *tsy len*-tongotra. 2° *fig*. Tsy misy renty. Style —. Laha-teny *tsy misy renty*. 3° —, Fe, tsivinitra. Répondre d'un ton—. Mamaly *fe* mamaly, mamaly *tsivinitra*.

—, *sm*. 1° Ny maina. Le— et l'humide. Ny *maina* sy ny mando. 2° —, Vilo-maina. Donner du — aux chevaux. Manome *vilo-maina* ny soavaly.

Sec, *adv*. 1° Tsy mitampo-drano. Boire—. Misotro divay *tsy mitampo-drano*, miboboka. 2° *fig*. Fe, tsivinitra. Parler—. Miteny *fe* miteny, miteny *tsivinitra*.

À sec, *loc. adv*. 1° Maina, ritra, tankina. L'étang est à—. *Maina*, etc., ny kamory. 2° *fig*. Tsy manam-bola, mangoana. Le pauvre homme est à —. *Tsy manam-bola* intsony ilay aka. Sa bourse est à —. *Mangoana* ny kitapom-bolany.

SÉCATEUR, *sm*. Fetin-kazo.

SÉCHAGE, *sm*. Fanahazana. Le — du linge. Ny *fanahazana* ny lamba.

SÈCHEMENT, *adv*. 1° Maina, amy ny fitoerana maina. 2° *fig*. Tsy misy renty. 3° —, Fe, tsivinitra. Parler—. Miteny *fe* miteny, miteny *tsivinitra*.

SÉCHER, *va*. 1° Mahamaina. La chaleur sèche le linge. Ny hafanana *mahamaina* ny lamba. La chaleur a séché ce ruisseau. Ny hainandro *nahamaina* ity sakeli-drano ity. 2° *fig*. — les larmes. Mahafaka alahelo, manala —.

—, *vn*. 1° Mihamaina. Les fruits sèchent. *Mihamaina* ny voankazo. 2° —, Mihahy. Faire — au soleil. *Manahy*. 3° *fig*. Hanina. Il sèche d'ennui. *Hanin'* ny fahadisadisana izy.

Se sécher, *vpr*. 1° Mihamaina. 2° —, Mihahy, manahy tena.

SÉCHERESSE, *sf*. 1° Fahamainana, hamainana. La — de la terre. Ny *hamainan'* ny tany. 2° —, Hamainan' ny andro. Il fit une grande — cette année-là. *Maina* dia maina *ny andro* tamin' io taona io. 3° *fig*. Tsy fisian-drenty. 4° —, Fe, tsivinitra, fangatsiaham-po. Il éprouve de grandes sécheresses dans la prière. *Mangatsia-po* dia mangatsiapo amy ny fivavahana izy.

SÉCHOIR, *sm*. Fitoerana fanahazana.

SECOND, ONDE, *adj*. Faharoa. Chapitre —. Toko *faharoa*. Comme DEUXIÈME. ‖ *loc*. Acheter une chose de seconde main. Mividy zavatra amy ny mpividy.

—, *sm*. 1° Rihana faharoa. Monter au —. Miakatra amy ny *rihana faharoa*. 2° —, Lefitra, mpanampy. Le capitaine et le —. Ny kapitenin-tsambo sy ny *lefitra*. Vous avez un bon —. Manana *mpanampy* tsara hianao.

En second, *loc. adv*. Lefitra, mpanampy. Capitaine en —. *Lefitry* ny kapiteny.

SECONDAIRE, *adj*. 1° Fanampy. Preuves secondaires. *Fanampim*-porofo. 2° —, Ambony. Instruction —. Fampianarana *ambony*.

SECONDAIREMENT, *adv*. Ho fanampy.

SECONDE, *sf*. 1° Kilasy faharoa amy ny fianarana ambony. 2° —, Ny ampahenim-polon' ny minota iray, sekonda.

SECONDEMENT, *adv*. Faharoa.

SECONDER, *va*. Manampy. Je vous seconderai. *Hanampy* anao aho.

SECOUER, *va.* 1° Manozongozona, manofokofoka, manakopaka, mampiantsambotsambotra, manifika, mampihovotrovotra, manintsana. — un arbre. *Manozongozona, manofokofoka* fotokazo. — un manteau. *Manakopaka* kapaoty. — ses ailes. *Manakopakopaka* elatra. Ce cheval a un trot qui secoue. *Mampiantsambotsambotra* ny fitsaikon' io soavaly io. Ce taureau a secoué le joug. *Nanifika* ny jogany io ombalahy io. — la tête. *Mihifikifika*, mihodinkodin-doha. — la poussière de ses souliers. *Manintsana* ny vovoka amy ny kirarony. 2° *fig.* Mamely, mampikorontana, mampitabataba. La fièvre l'a bien secoué. *Namely* azy mafy ny tazo. 3°—, Manifika, manary. Ce jeune homme veut — le joug. Ta-*hanifika*, ta-*hanary* ny fifehezana io tovolahy io. || *loc.* — le joug des passions. Mamoluka ny filan-dratsy.

Se secouer, *vpr.* 1° Mikofokofoka, mitsikofokofoka. Les chiens se secouent quand ils sont mouillés. *Mikofokofoka*, etc., ny alika raha lena. 2° *fig.* Mihetsiketsika. Il faut se —. Tokony *hihetsiketsika*.

SECOURABLE, *adj.* Mamonjy. Il est — aux pauvres. *Mamonjy* ny mahantra izy.

SECOURIR, *va.* Mamonjy, manampy. — un malade. *Mamonjy* marary. — ses amis de sa bourse. *Mamonjy*, etc., ny sakaizany amy ny vola.

Se secourir, *vpr.* Mifamonjy, mifanampy.

SECOURS, *sm.* Vonjy, famonjena, fanampiana. Crier au —. Miantso *vonjy*. On lui envoya un — de vingt mille hommes. Miaramila roa alina no nirahina mba *hamonjy, hanampy* azy. Distribuer des —. Mizarazara *fanampiana*.

SECOUSSE, *sf.* 1° Fanozongozonana, fihozongozona, fanofokofohana, fikofokofoka, fitsikofokofoka, fanakopahana, fampiantsambotsamborana, fiantsambotsambotra, fihovotrovotra. Les secousses de ce tremblement de terre ont été très violentes. Mafy dia mafy ny *fihovotrovotr'* izany horohoron-tany izany. 2° *fig.* Famelesana, fikorontanana, tabataba. — politique. *Fikorontanana* amy ny fanjakana. Mon esprit est à peine remis de cette —. Tsy mbola afaka amin' izany *fikorontanana, tabataba* izany ny saiko.

SECRET, ÈTE, *adj.* 1° Miafina, an-takona, an-tsokosoko, mangingina. Dessein—. Fikasana *miafina*. Il entretient un commerce — avec les ennemis. Mampanatijavatra *an-takona, an-tsokosoko, mangingina* amy ny fahavalo izy. Comité —. Komity *an-takona, mangingina*. 2°—, Mahatam-bava. C'est un homme —. Olona *mahatam-bava* izy.

SECRET, *sm.* 1° Zava-miafina, zavatra tsy ambarambara, tsiambaratelo, ankaromiafina. Révéler un—. Manambara ny *zava-miafina*, etc. Cadenas à—. Kadaná misy *fomba miafina* famohana azy. 2° —, Tsy fanambarana. Je vous demande le —. Manafatratatra anao aho mba *tsy hanambara* izany. 3°—, Zavatra fantatr' olona irery na vitsy. Il a vendu son—. Nivarotra ny *zavatra fantatr' izy irery* izy. 4°—, Fitoerana tsy azo hatonina ao amy ny fonja. Le prisonnier est au —. Ao amy ny *fitoerana tsy azo hatonina* ilay ao amy ny fonja. 5° *fig.* Izay. Il a trouvé le—de faire fortune. Nahita *izay* hahazoan-karena be izy.

En secret, *loc. adv.* An-takona, an-tsokosoko, mangingina.

SECRÉTAIRE, *sm.* 1° Mpanoratra. — d'un ambassadeur. *Mpanoratry* ny ambasadaora. — d'une assemblée. *Mpanoratra* ny zavatra dinidinihin' ny fivoriana anankiray. || *loc.* — d'Etat. Ministra. 2°—, Latabatra fanoratana sady fitahirizana taratasy.

SECRÉTARIAT, *sm.* 1° Raharahan' ny *secrétaire*. 2°—, Trano fanoratana sady fitahirizana ny taratasin' ny *secrétaire*.

SECRÈTEMENT, *adv.* An-takona, an-tsokosoko, mangingina. Sortir—. Mivoaka *an-takona*, etc.

SÉCRÉTER, *va.* Iforonana. Le foie sécrète la bile. Ny aty no *iforonan'* ny ranon' aforo.

Se sécréter, *vpr.* Miforona.

SÉCRÉTEUR, *adj.* Iforonana.

SÉCRÉTION, *sf.* Fiforonana.

SECTAIRE, *sm.* Olona isan' ny foko anankiray mampiely ny fampianarana diso.

SECTATEUR, *sm.* Foko, tarika, mpianadany.

SECTE, *sf.* Antoko, foko, fivavahana diso.

SECTION, *sf.* Fizarana.

SECTIONNEMENT, *sm.* Fizarana.

SECTIONNER, *va.* Mizarazara — une

ville en plusieurs quartiers. *Mizaraza-ra* tanána ifay ho fari-tany maro.

SÉCULAIRE, *adj.* 1° Fanao isan-jato taona. Fête —. Fety *fanao isan-jato taona* 2°—, Efa nahatratra zato taona, fahagola. Arbre —. Hazo *efa nahatra-tra zato taona*, etc. 3°—, Mahatapitra zato taona. Année—. Taona *mahata-pitra zato taona.*

SÉCULARISATION, *sf.* Fanesorana tsy ho relijiozy.

SÉCULARISER, *va.* Manesotra tsy ho relijiozy.

SÉCULIER, IÈRE, *adj.* Tsy relijiozy. Pretra—. Pretra *tsy relijiozy.*

—, *sm.* Tsy mpanao raharaham-pivavaha-na, olona tsy misaraka amin' izao tonto-lo izao.

SÉCURITÉ, *sf.* Toky, fahatokiana. Vo-tre — m'étonne. Mahagaga ahy ny *toki-nao*, etc.

SÉDATIF, IVE, *adj.* Manaketraka. Comme Calmant.

SÉDENTAIRE, *adj.* Tsy mivoaboaka. Il a un emploi —. *Tsy mivoaboaka* no-ho ny raharahany izy.

SÉDIMENT, *sm.* Faikany, zavatra man-dry.

SÉDITIEUSEMENT, *adv.* Mampiko-my, mampiodina.

SÉDITIEUX, EUSE, *adj.* 1° Mikomy, miodina. Populace séditieuse. Vahoa-ka *mikomy*, etc. 2°—, Tia fikomiana. C'est un esprit—. Olona *tia fikomiana* izy. 3°—, Mampikomy, mampiodina. Dis-cours—. Laha-teny *mampikomy*, etc.

—, *sm.* Mpikomy, mpiodina. Arrêter les —. Misambotra ny *mpikomy*, etc.

SÉDITION, *sf.* Fikomiana, fiodinana.

SÉDUCTEUR, TRICE, *adj.* et *s.* Mpa-nangoly, mpanoloky, mpanambosy. L'es-prit —. Ny fanahy *mpanangoly*, etc.

SÉDUCTION, *sf.* 1° Fanangolena, solo-ky, fanambosiana, ambosy, fanolikole-na, fanojikojena, famokisana, fanome-zam-po. 2°—, Zavatra mahatarika, — ma-harenoka. Il y a de la—dans son style. Misy *zavatra mahatarika*, etc., amy ny laha-teny ataony.

SÉDUIRE, *va.* 1° Manangoly, manolo-ky, manambosy, manolikoly, manojiko-jy, mamoky, manome fo. Cet hypocri-te séduisait le peuple. *Nanangoly, na-noloky, nanambosy* ny vahoaka izany mpihatsaravelatsihy izany. On a séduit ce jeune homme. *Voangoly, voasolo-ky, voambosy* io tovolahy io. —des té-moins. *Manolikoly, manojikojy* ny va-volombelona. — des domestiques. *Ma-moky, manome fo* ny mpanompon' olo-na. 2°—, Mahatarika, maharenoka. Sa bonté séduit tous les cœurs. *Mahatari-ka* ny fon'ny maro ny halemem-pana-hiny.

SÉDUISANT, ANTE, *adj.* Mahatari-ka, maharenoka. Conversation séduisan-te. Resaka *mahatarika*, etc.

SÉGRÉGATION, *sf.* Fanavahana, fa-nokanana.

SEIGLE, *sm.* Karazam-barim-bazaha.

SEIGNEUR, *sm.* 1° Andrian-tompom-bodivona, — tompo-menakely. 2° —, Tompo. Le —. Ny *Tompo*, Andriamani-tra. Notre —. Ny *Tompontsika*. 3° *fig.* Vivre en grand —. Manao toetry ny mpanana. Se donner des airs de grand —. Mirehareha, miadokadoka, manan-drian-tena foana.

SEIGNEURIAL, ALE, *adj.* Any ny tompom-bodivona.

SEIGNEURIE, *sf.* Vodivona, mena-kely, fanjakana.

SEIN, *sm.* 1° Tratra, trotroana, nono. Il le pressa contre son —. Nofihininy tao an-*tratrany* izy. Son enfant dormait sur son —. Natory tao an-*trotroany* ny za-nany. Donner le sein à un enfant. *Mam-pinono* zaza. 2°—, Kibo, vohoka. Jésus-Christ fut conçu dans le— de la Vierge. Jeso-Kristy notorontoronina tao an-*kibo*, am-*bohoky* ny Virjiny. 3° *fig.* Anaty, am-povoany, an-kibo. Il y a de grandes richesses dans le — de la ter-re. Misy harena be vava ao *anatin'* ny tany. Il porta la guerre dans le — du royaume. Nanafika ny *am-povoa-ny*, ny *an-kibon'* ny fanjakana izy. Il est rentré dans le — de l'Eglise. Nive-rina ao *anatin'* ny Eglizy izy. Il est né au — de l'opulence. Teraka tao *am-po-voan'* ny harena be izy. 4°—, Fo, saina. Porter un secret dans son —. Mitahi-ry zava-miafina ao am-*po*, an-*tsaina*.

SEINE, *sf.* Karazan-kalato.

SEING, *sm.* Sonia. Mettez là votre —. Ataovy eto ny *sonianao*.

SEIZE, *adj. num.* 1° Enina amby ny folo. 2°—, Fahenina amby ny folo.

—, *sm.* Enina amby ny folo.

SEIZIÈME, *adj. ord.* Fahenina amby ny folo.

—, *sm.* Ny ampahenina amby ny folony.

SEIZIÈMEMENT, *adv.* Fahenina amby ny folo.

SÉJOUR, *sm.* 1° Fipetrahana, fitoerana. Il a fait un long — dans ce pays. *Nipetraka, nitoetra* ela tamin'izany tany izany izy. Cette ville est un agréable —. Mahafinaritra ny *mipetraka*, ny *mitoetra* amin'ity tanàna ity. 2°—, Fihandronana.

SÉJOURNER, *vn.* 1° Mipetraka, mitoetra. 2°—, Mihandrona Les eaux de la mer ont séjourné en cet endroit. *Nihandrona* teto ny rano avy tamy ny ranomasina.

SEL, *sm.* 1° Sira, fanasina, disely. — de cuisine. *Sira, fanasina.* — d'Epsom. *Disely.* 2° *fig.* Sira, renty. Il n'y a point de — dans ses discours. Tsy misy *sira*, etc., ny laha-teniny.

SELLE, *sf.* 1° Lasely. ‖ *loc.* Cheval de—. Soavaly fitaingina. 2°—, Fivalanana. Aller à la—. Mandeha *mivalana*.

SELLER, *va.* Manisy lasely.

SELLERIE, *sf.* 1° Fitoerana fametrahan-dasely. 2°—, Fanaovan-dasely.

SELLETTE, *sf.* 1° Akalana. 2° *fig.* Tenir quelqu'un sur la —. Mangaroka olona.

SELLIER, *sm.* Mpanao lasely.

SELON, *prép.* Araka, raha tahaka. Cela n'est pas — l'Evangile. Tsy *araka* ny Evanjely izany. Chacun sera récompensé — ses œuvres. Samy hovaliana *araka* ny asany ny olona. — moi. *Araka* ny hevitro, *raha tahaka* ahy. ‖ *loc.* L'évangile — saint Mathieu. Ny evanjely nosoratany Md. Matio. C'est —. Asa.

SEMAILLE, *sf.* 1° Famafazana. 2°—, Voan-javatra nafafy. 3°—, Taom-pamafazana.

SEMAINE, *sf.* 1° Herinandro. Une — entière. *Herinandro* maninjitra. La — sainte. Ny *herinandro* masina. Il arrivera dans une —. Ho tonga izy raha afaka *herinandro*. 2°—, Raharaha ifandiasana isan-kerinandro, raharaha atao amy ny herinandro, karama amy ny herinandro, vola omena ny ankizy madinika isan-kerinandro. Il est de—. Manao *ny azy herinandro* izy. Cet ouvrier recevra demain sa —. Rahampitso no handraisan'io mpiasa io ny *karamany amy ny herinandro*.

SEMAINIER, IÈRE, *s.* Tompon'anjara amy ny herinandro.

SEMBLABLE, *adj.* Mitovy, sahala, tahaka, hoatra, toa, toy. Ces deux choses sont semblables *Mitovy, sahala* ireo zava-droa ireo. Il ne s'est jamais rien vu de—. Tsy mbola nisy nahita zavatra *tahaka, hoatra, toy* izany. Voy. Pareil.

—, *sm.* 1° Faharoa. Il n'a pas son—. Tsy manana-*paharoa* izy. 2°—, Namana. Nous devons aimer nos semblables. Tsy maintsy ho tia ny *namantsika* isika.

SEMBLANT, *sm.* Fodiana, zavatra ankosoka. Il m'a trahi sous un—d'amitié. *Nody* nisakaiza tamiko izy, kanjo namadika ahy. Il n'a pas un véritable courage, il n'en a que le—. Tsy tena herimpo ny azy, fa *ankosoka* fotsiny. Ne faire —de rien. *Mody* adala, mandevin-tsaina, mamonkin-tsaina.

SEMBLER, *vn.* Atao, toa, toy, hoatra. Cela me semble ainsi. *Ataoko* fa izany tokoa. Vous me semblez mélancolique. *Toa* manjoretra izato hianao. Quand on est dans un navire qui va vite, le rivage semble fuir. Raha ao amy ny sambo faingam-pandeha, dia ny tanety no *toy, hoatra* ny mandositra.

Il semble, *v. imp.* 1° Atao, hoatra, mova tsy. Il me semblait que cela était ainsi. *Nataoko* fa izany tokoa. Il me semble que je le vois. *Hoatra, mova tsy* ny mahita azy aho. 2°—, Hevitra, sitraka. Ce me semble. Araka ny *hevitro* Que vous en semble? Inona no *hevitrao* amin' izany? Si bon lui semble. Raha *sitrany* izany.

SEMELLE, *sf.* 1° Faladian-kiraro, faladia tapaka. 2° *fig.* Ne pas reculer d'une —. Tsy mihemotra na dia kely aza.

SEMENCE, *sf.* 1° Voan-javatra famafy na famboly. 2° *fig.* Zavatra miteraka. Une bonne éducation laisse des semences de vertu. *Miteraka* hatsaram-panahy ny fampianarana tsara.

SEMEN-CONTRA, *sm.* Ody kankana.

SEMER, *va.* 1° Mamafy, mamafy voan-javatra, mamboly voan-javatra. — du blé. *Mamafy* varim-bazaha —un champ. *Mamafy voan-javatra* amy ny tanimboly. —au plantoir. *Mamboly voan-javatra* amy ny antsetra. 2° *fig.* Mamafy, mampiely. On avait semé des fleurs sur son passage. *Nofafazana* voninkazo ny lálana nalehany. Cet homme sème l'argent. *Mamafy* vola io lehilahy io. — des calomnies. *Mampiely* endrikendrika.

SEMESTRE, *sm.* 1° Enim-bolana. Il

rend compte de sa gestion à la fin de chaque —. Mamoaka ny fitandremany izy isaky ny faran' ny *enim-bolana*. 2° —, Vola aloa na raisina isan' enim-bolana. Il a touché son —. Nandray ny *volany tamy ny enim-bolana* izy. 3° —, Andro fijanonana maharitra enim-bolana.

SEMESTRIEL, ELLE, *adj.* Miseho isan' enim-bolana, maharitra enim-bolana. Revue semestrielle. Boky *miseho isan' enim-bolana.* Congé —. Andro fijanonana *maharitra enim-bolana.*

SEMEUR, *sm.* Mpamafy.

SEMI-CIRCULAIRE, *adj.* Antsasaky ny vorivory.

SÉMILLANT, ANTE, *adj.* 1° Mipelipelika. Enfant —. Zazalahy *mipelipelika.* 2°—, Marisika, mavitrika. Il a une humeur sémillante. *Marisika*, etc., izy.

SÉMINAIRE, *sm.* 1° Trano fianaran' ny mpianatra ho pretra. 2° —, Ny mpianatra rehetra ao amy ny *séminaire* anankiray.

SÉMINAL, ALE, *adj.* Momba ny voanjavatra famafy.

SÉMINARISTE, *sm.* Mpianatra ao amy ny *séminaire.*

SEMIS, *sm.* 1° Zana-kazo nafafy, zanak' anana —, zana-boninkazo —, ketsa. — de riz. *Ketsa.* 2°—, Famafazana. Faire un —. *Mamafy.*

SEMOIR, *sm.* Lasáka na harona famafazana.

SEMONCE, *sf.* Fananarana, anatra, fitezerana, fandevilevena, levilevy.

SEMONCER, *va.* Mananatra, mitezitra, mandevilevy. Comme Réprimander.

SEMOULE [*semouille*], *sf.* Koban-dafarina maina natao madinika.

SEMPITERNEL, ELLE, *adj.* 1° Goga, konka. Vieille sempiternelle Vaviantitra *goga*, etc. 2°—, Lalandava. Bruit —. Tabataba *lalandava.*

SÉNAT, *sm.* 1° Parlementa ambony. 2°—, Trano fivorian' ny parlementa ambony.

SÉNATEUR, *sm.* Olona isan' ny parlementa ambony.

SÉNATORIAL, ALE, *adj.* Any ny *sénateur.* Dignité sénatoriale. Fiandrianan' *ny sénateur.*

SÉNATUS-CONSULTE, *sm.* Didin' ny parlementa ambony.

SÉNEVÉ, *sm.* Foto-tsinapy, voan-tsinapy.

SÉNILE, *adj.* Avy amy ny fahanterana. Débilité —. Fahosana *avy amy ny fahanterana.*

SENS, *sm.* 1° Faharenesana, fandrenesana, fahitana, fahatsiarovana. Les — trompent quelquefois. Indraindray mamitaka ny *fandrenesana.* Le — de l'ouïe. Ny *fandrenesana* ny feon-javatra. Le — du goût. Ny *fandrenesana* ny tsiron-javatra. Le — de l'odorat. Ny *fandrenesana* ny fofon-javatra. Le — du toucher. Ny *fandrenesana* ny zavatra kasihina. Le — de la vue. Ny *fahitan-javatra.* Il a perdu l'usage de ses —. Tsy *mahatsiaro* tena izy. 2°—, Filana, filan-dratsy, nofo. Il n'écoute que ses —. Tsy manaraka afa-tsy ny *filany*, etc., izy 3° —, Saina, fitsaran-javatra, hevitra. C'est un homme de bon —. Manan-*tsaina*, mahay *mitsara zavatra* izy. Cela est contre le — commun. Mifanohitra amy ny *saina*, ny *hevitry* ny maro izany. Cela est fait en dépit du — commun. Tsy misy *heviny* izany natao izany. Ce mot a deux —. Misy *hevi*-droa izany teny izany. J'abonde dans votre —. Manaraka ny *hevitrao* aho. 4° —, Lafiny, ila, fanarahana, fitsanganana, fitsivalanana. Cela a cinq pieds en tous —. Dimy dia avy ny *lafiny*, ny *ilany* rehetra. Mettez cette table de ce — là. *Ampanaraho* etsy io latabatra io. Coupez cette étoffe dans le — de la longueur. Didio *mitsangana* io lamba io. Coupez-la dans le — de la largeur. Didio *mitsivalana* izy.

Sens dessus dessous, *loc. adv.* 1° Mifotitra, mitsingoloka, mitsontsorika, mitotongana, mihohoka. Voy. Renversé. 2°—, Mikorontana, misafotofoto, misavorovoro, mikorokoro. Voy. Bouleverser.

Sens devant derrière, *loc. adv.* Mivadika. Sa perruque est — devant derrière. *Mivadika* ny solovolony.

SENSATION, *sf.* 1° Fandrenesana. Il éprouve une — de froid. *Mandre* hatsiaka izy. 2° *fig.* Fahatairana, figagana, fahatalanjonana. Ce livre a fait —. *Nahataitra, nahagaga, nahatalanjona* izany boky izany. Voy. Impression.

SENSÉ, ÉE, *adj.* 1° Manan-tsaina, mahay mitsara zavatra. C'est un homme —. Lehilahy *manan-tsaina*, etc., izy. 2°—, Araka ny marina. Il a fait une réponse bien sensée. *Araka ny marina* loatra ny valin-teny nataony.

SENSÉMENT, *adv.* Araka ny marina. Il parle —. Miteny *araka ny marina* izy.

SENSIBILITÉ, *sf.* 1° Fahalakiana mandre, fahaladiana —, fahiratana. La — de l'œil. Ny *fahiratan'* ny maso. La — d'une balance. Ny *fahiratan'* ny mizana. 2° *fig.* Fahatairana, hasosorana, hafaliana, harevoana, fangorahana, fitserana.

SENSIBLE, *adj.* 1° Re, tsaroana, hita, mora hita. Le froid a été très — cette année. *Re, tsaroana* mafy ny hatsiaka tamin' ito. La lumière rend les objets sensibles à la vue. Ny fahazavana *mampahita* ny zavatra. C'est pour moi un chagrin bien —. *Tsaroako* mabarary ahy loatra izany. Il a fait des progrès sensibles. *Mora hita* ny fandrosoana nataony. 2°—, Mora mandre, sarotiny, mahiratra. Il est — au froid. *Mora mandre* hatsiaka, *sarotin*-katsiaka izy. Balance —. Mizana *mahiratra.* 3° *fig.* Mora taitra, — sosotra, — faly, — revo, — mangoraka, — mitsetra, sarotiny. Il est — aux reproches. *Mora taitra, — sosotry* ny fananarana izy. Je suis — à ce que vous faites pour moi. *Mahafaly* ahy ny ataonao amiko. Il est — à la gloire. *Mora faly, — revom*-boninahitra izy. Il est — aux maux d'autrui. *Mora mangoraka, — mitsetra* ny fahorian' olona izy. Il est — à la douleur. *Sarotin'* alahelo izy.

SENSIBLEMENT, *adv.* Hita. La rivière décroît —. *Hita* fa misintona ny renirano.

SENSIBLERIE, *sf.* Hasarotiny. Cette femme est ridicule par sa —. Mampihomehy io vehivavy io satria *sarotiny* loatra.

SENSITIF, IVE, *adj.* Mahare, fandrenesana. La faculté sensitive. Izay *andrenesantsika* zavatra.

SENSITIVE, *sf.* Mihoronkoróna, modimodia, kelimanjakalanitra, amboafotsikely.

SENSUALISME, *sm.* Fanaranam-batana.

SENSUALITÉ, *sf.* Fanaranam-batana, filan-dratsin' ny nofo, fifalian' ny nofo.

SENSUEL, ELLE, *adj.* Manaram-batana, araka ny nofo, momba ny nofo. Homme —. Lehilahy *manaram-batana, araka ny nofo.* Plaisirs sensuels. Filan' *ny nofo,* filan-dratsin' *ny nofo.*

—, *s.* Mpanaram-batana. Les sensuels sont esclaves de leurs passions. Andevozin' ny filany ny *mpanaram-batana.*

SENSUELLEMENT, *adv.* Araka ny nofo.

SENTENCE, *sf.* 1° Oha-teny. Discours plein de sentences. Laha-teny be *ohateny.* 2°—, Teny fitsarana, didy, teny fanamelohana. Le juge a prononcé la —. Ny mpitsara namoaka ny *teny fitsarana,* ny *didy.* On lui sa —. Novakina ny *teny fanamelohana* azy.

SENTENCIEUSEMENT, *adv.* Amimpihagohagoana.

SENTENCIEUX, EUSE, *adj.* 1° Be oha-teny. Langage —. Fiteny *be ohateny.* Homme —. Lehilahy *be oha-teny.* 2°—, Mihagohago. Il parle d'un ton —. *Mihagohago* fiteny izy.

SENTEUR, *sf.* Hanitra. Eau de —. Rano *manitra.*

SENTIER, *sm.* 1° Sakeli-dálana. 2° *fig.* Lálana. Suivre les sentiers de la vertu. Manaraka ny *lálan'* ny hatsaram-panahy.

SENTIMENT. *sm.* 1° Fandrenesana. Il n'y a plus de — dans son bras. Tsy *mandre* na inona na inona intsony ny sandriny. 2°—, Fahalalana, fahitana. Il a le — du juste. *Mahalala, mahita* ny marina izy. Il a le — des convenances. *Mahalala, mahita* ny mety izy. 3° —, Hevitra, fitiavana, substantif. Êtes-vous de mon — ? Moa miray *hevitra* amiko va hianao ? Il a des sentiments vertueux. *Tia* hatsaram-panahy izy. — de pitié. *Fangoraham-po.* — d'amour. *Fitiavana.* — de joie. *Hafaliana.* — de colère. *Hatezerana.*

SENTIMENTAL, ALE, *adj.* 1° Mampangoraka loatra, mampitsetra —. Poésie sentimentale. Tonon-kira *mampangoraka loatra,* etc. 2°—, Mangoraka loatra, mitsetra —, tia —. Femme sentimentale. Vehivavy *mangoraka loatra,* etc.

SENTIMENTALEMENT, *adv.* Amim-pangoraham-po loatra, amim-pitiavana —.

SENTIMENTALITÉ, *sf.* Fangoraham-po loatra, fitseram-po —, fitiavana —.

SENTINE, *sf.* C'est la — de tous les vices. Ao no ivorian' izay rehetra ratsy fitondran-tena.

SENTINELLE, *sf.* Mpiambina, tily, mandry tsy aman' afo. Faire —. *Miambina, mitily* ; *fig.* miandry, mitsikilo, mitily. — perdue. *Mandry tsy aman' afo.*

SENTIR, *va.* 1° Mandro, mahare, mahatsiaro. Le froid se fait —. *Re* ny hatsiaka. — le goût des mets. *Mahare* ny tsiron-kanina. Je sens la faim. *Mahatsiaro* noana aho. 2°—, Taitra, azo, tia. Il ne sent point les affronts. Tsy *taitry* ny fanevatevana izy. Je sens une grande joie. *Azon'* ny hafaliana lehibe aho. Ce que je sens pour lui ne saurait s'exprimer. Tsy azo lazaina ny *fitiavako* azy. Je ne puis pas — cet homme-là. Tsy *tia* mainty io lehilahy io aho. 3°—, Manambolo, manoroka. Sentez cette rose. *Amboloy, orohy* ity vonin-draozy ity. 4°—, Maimbo, mamofona, misy fofona, malany. Cela sent le brûlé. *Maimbo* raikona izany. Cela sent le renfermé. *Maimbo* lao izany. Cela sent mauvais. *Maimbo, mamofona, misy fofon*-dratsy izany. Cela sent bon. *Misy fofona* manitra izany. Cette eau sent la terre. *Maimbo* tany, *misy fofon*-tany izany rano izany. Cela sent le poisson. *Malány* hazandrano izany. 5°—, Mahalala, mahita. Il sent sa force. *Mahalala* ny tanjany izy. Il sent le néant des grandeurs. *Mahalala*, etc., ny hatsinontsinon'ny voninahitra izy.

—, *vn.* Maimbo, mamofona, mavao, masiso, many. Cette viande sent. *Maimbo, mamofona* io hena io. Son haleine sent. *Maimbo* vava izy. Ce riz sent. *Mavao, masiso* ity vary ity. Ses aisselles sentent. *Many* izy. Voy. PUER.

Se sentir, *vpr.* 1° Mahare, mahita, mahatsindry. Je me sens malade. *Reko* marary ny tenako. Il est si engourdi qu' il ne se sent pas. Voly tsy *mahare* na inona ny tenany. Je ne me sens pas fait pour servir. *Hitako* fa tsy zakako ny manompo olona. Il ne se sent pas de joie. Tsy *mahatsindry* ny hafaliany izy. 2°—, Mahalala ny heriny. Il se sentait bien, quand il a entrepris une affaire si difficile. *Nahalala ny heriny* izy, fony izy nanomboka raharaha sarotra tahaka izany. 3°—, Mbola mitondra faisana. Ce pays se sent encore de la guerre. *Mbola mitondra faisana* noho ny ady izany tany izany.

SEOIR, *vn.* Manendrika, mifanaraka. Cette robe lui sied bien. *Manendrika* azy, *mifanaraka* aminy tsara izany zipo izany.

Il sied, *v. imp.* Mety, tokony.

SÉPARABLE, *adj.* Azo sarahina, — avahana.

SÉPARATION, *sf.* 1° Fampisarahana, fisarahana, fanokantokanana, fanavahana, fiavahana. Un mur de—. Ampiantany *mampisaraka*. 2°—, Fizarana, elitra, fefy, vala. Otez cette—. Esory io *fizarana*, etc., io.

SÉPARÉMENT, *adv.* Tsirairay, misaraka, mitsitokantokana, miavaka. On a interrogé les témoins —. Nanontaniana *tsirairay, mitsitokantokana* ny vavolombelona.

SÉPARER, *va.* 1° Mampisaraka, manokantokana, manavaka, mizara, manefitra, manoritra. — les chairs d'avec les os. *Mampisaraka* ny nofo amy ny taolana. —des enfants qui se battent. *Mampisaraka* ankizy miady. — des chevaux en différentes écuries. *Manokantokana* soavaly amy ny trano samihafa. — les bons d'avec les méchants: *Manavaka* ny tsara fanahy amy ny ratsy. Il a séparé sa cour en deux par un mur. *Nizara* ny tokotaniny ho roa tamy ny ampiantany izy. Cette rivière sépare les deux provinces. Io renirano io no *mampisaraka, manefitra* ny fari-tany roa. -- ses cheveux sur le front. *Manoritra* ny volony ao an-tampon-dohany, manao va y tampona. 2° *fig.* Mampisaraka, manavaka. — de biens un mari et une femme. *Mampisaraka* ny haren' ny mpivady. Les — de corps. *Mampisara*-toerana azy roa. Je ne sépare pas mes intérêts des vôtres. Tsy *manavaka* ny mahasoa anao amin' izay mahasoa ahy aho. La raison sépare l'homme des animaux. Ny fisainana no *manavaka* ny olona amy ny biby.

Se séparer, *vpr.* 1° Misaraka, maningana, mizara, misampana. L'écorce se sépare du bois. *Misaraka* amy ny hazo ny hodiny. Les rebelles se sont séparés. *Nisaraka* ny mpikomy. Se—des autres. *Misaraka* amy ny mar.., *maningana*. Le chemin se sépare en deux. *Mizara* roa, *misampan*-droa ny lálana. 2° *fig.* Misaraka, miavaka.

SEPT, *adj. num.* 1° Fito. —fois. *Impito.* —jours. *Hafitoana.* —par—. *Tsifitofito.* Qui est partagé en—. *Voafito, nofitoina, mifito.* 2°—, Fahafito.

—, *sm.* Fito.

SEPTEMBRE, *sm.* Septembra.

SEPTENNAL, ALE, *adj.* Atao isampito taona.

SEPTENTRION, *sm.* Avaratra.

SEPTENTRIONAL, ALE, *adj.* Any avaratra.

Septentrionaux, *sm. pl.* Ny mponina any avaratra.

SEPTIÈME, *adj.* Fahafito. Pour la — fois. *Fanimpito.*

—, *sm.* Ny ampahafitony, ny andro fahafito. Le — d'une somme. Ny *ampahafiton'* ny vola. Le — de la lune. Ny *andro fahafiton'* ny volana.

SEPTIÈMEMENT, *adv.* Fahafito.

SEPTUAGÉNAIRE, *adj* et *s.* Nahatratra fitopolo taona.

SEPTUPLE, *adj.* Impito, impito heny.

—, *sm.* Impito, impito heny. Voy. QUADRUPLE.

SEPTUPLER, *va.* Mampitombo impito, — impito heny.

SÉPULCRAL, ALE, *adj.* 1° Amy ny fasana. Inscription sépulcrale. Soratra *amy ny fasana.* Pierre sépulcrale. Vatom-*pasana.* ‖ *loc.* Grande pierre sépulcrale qui couvre les tombeaux malgaches. Rangolahy. 2° *fig.* Il a une figure sépulcrale. Hatsatra endrika izy. Il a une voix sépulcrale. Hoatra ny feon' olona avy any an-davaka ny feony.

SÉPULCRE, *sm.* Fasana. Le saint —. Ny *fasana* nandevenana any Jeso-Kristy.

SÉPULTURE, *sf.* Fandevenana, fanitrihana, fanafenana. Voy. ENSEVELIR.

SÉQUELLE, *sf.* 1° Tarika. Je me moque de lui et de toute sa —. Tsy asiako raharaha izy sy ny *tariny.* 2° —, Zavatra tsy tambo isaina. Il m'a fait une — de questions ridicules. *Tsy tambo isaina* ny zavatra mahatsikaiky nanontaniany ahy.

SÉQUESTRATION, *sf.* 1° Fihazonana, fitanana. 2° —, Fampihibohana, fihibohana.

SÉQUESTRE, *sm.* 1° Fihazonana, fitanana. Ses biens sont en —. *Hazonina, tánana* ny fananany. 2° —, Zavatra hazonina, — tánana.

SÉQUESTRER, *va.* 1° Mihazona, mitana. 2° —, Mampihiboka. — quelqu'un. *Mampihiboka* olona. 3° *fig.* Mampisaraka, manavaka, manilika. Il faut le — d'avec nous. Tokony *hosarahina, havahana* amintsika izy. Il a séquestré les meilleurs effets de la succession. *Navahany, nailiny* ho azy avokoa ny zavatra tsaratsara rehetra tamy ny lova.

Se séquestrer, *vpr.* Mihiboka, mitokana, miolonolona.

SÉRAIL, *sm.* Lapa itoeran' ireo vehivavy maro vadin' ny mpanjaka silamo.

SÉRAPHIN, *sm.* Serafina.

SÉRAPHIQUE, *adj.* Momba ny serafina.

SEREIN, EINE, *adj.* 1° Madio. Ciel —. Lanitra *madio.* 2° *fig.* Miramirana, miadana. Il a le visage —. *Miramirana* endrika izy. Il a l'âme sereine. *Miadantsaina* izy.

SEREIN, *sm.* Fanala milatsaka raha takariva.

SÉRÉNADE, *sf.* Fanateran-kira amy ny hariva.

SÉRÉNITÉ, *sf.* 1° Hadio. 2° *fig.* Hamiramirana, fiadanana.

SÉREUX, EUSE, *adj.* Matsora, mandranorano, mitsiranorano. Lait —. Ronono *matsora.* Sang —. Ra *matsora.* Maladie séreuse. Aretina *mandranorano, mitsiranorano.*

SERF, SERVE, *s.* et *adj.* Menakely, mainty enin-dreny, tsiarondahy, tsiarombavy, tsimandoa, manendy, madiotanana, tandonaka. Il est de condition serve. *Menakelin'* olona, *mainty enin-dreny* izy. Serfs royaux. *Mainty enin-dreny, tsiarondahy, manendy.* Serfs royaux envoyés par le souverain. *Tsimandoa.* Serfs royaux chargés de la cuisine et de la table du souverain. *Madiotanana.* Serfs royaux descendant d'une famille autrefois libre. *Tandonaka.*

SERGE, *sf.* Karazan-dopótra.

SERGENT, *sm.* Sahazany, polisy. — major. *Sahazany* ambony. — de ville. *Polisy.*

SÉRICICOLE, *adj.* Momba ny fiompian-dandy.

SÉRICICULTURE, *sf.* Fiompian-dandy.

SÉRIE, *sf.* 1° Zavatra mitohitohy. Une — de questions. Fanontaniana *mitohitohy.* 2° —, Toko. Cette loterie est divisée en vingt séries. Mizara ho *toko* roapolo izany loterý izany.

SÉRIEUSEMENT, *adv.* 1° Amimpahamaotonana, amim-pahamendrehana. 2° —, Marina, tokoa. Je vous parle —. Milaza *marina* aminao aho. Il travaille —. Miasa *tokoa* izy.

SÉRIEUX, EUSE, *adj.* 1° Maotona, mendrika. Il a un air —. *Maotona,* etc., ny toetrany. 2° —, Be vava, mafy. L'affaire est sérieuse. Raharaha *be vava*

izany. Querelle sérieuse. Fifandirana *mafy*. 3°—, Marina, tokoa. Ce que je vous dis est —. *Marina*, etc., izay lazaiko aminao. Amitié sérieuse. Fisakaizana *marina*.

—, *sm*. Fahamaotonana, fahamendrehana. Il affecta un grand —. Nampiseho *fahamaotonana*, etc., lehibe izy. ‖ *loc*. Prendre une chose au —. Tsy mahalala vosotra.

SERIN, INE, *s*. Karazam-borona madinika vony tsara feo.

SERINER, *va*. 1° Mampaneno sarinety. 2° *fig*. Mamerimberina flanarana. Il faut lui — sa leçon. Tokony *haverimberina* aminy ny lesony.

SERINETTE, *sf*. Sarinety.

SERINGUE, *sf*. Basirano.

SERINGUER, *va*. Manisy basirano.

SERMENT, *sm*. 1° Fianianana, velirano. Prêter —. *Mianiana*, *mivelirano*. — de joueur. *Fianianam*-poana. Prêter — de fidélité au roi. *Mianiana*, *mivelirano* mba hanaiky ny mpanjaka, misotro vokaka, milefona omby. Voy. Jurer. 2°—, Fanozonana, fiozonana. Il a fait un horrible —. *Nanozonozona*, *niozonozona* mahatsiravina izy.

SERMON, *sm*. 1° Sermona, toriteny. 2° *fig*. Fananarana mahamonamonaina.

SERMONNAIRE, *sm*. Boky misy sermona maro.

SERMONNER, *va*. Manao fananarana mahamonamonaina.

SERMONNEUR, EUSE, *s*. Mpanao fananarana mahamonamonaina.

SÉROSITÉ, *sf*. Hatsora, fandranorano, fitsiranorano. Voy. Séreux.

SERPE, *sf*. Antsy solanga loha.

SERPENT, *sm*. 1° Bibilava. 2° *fig*. Réchauffer un — dans son sein. Mamelonjana-baratra.

SERPENTEAU, *sm*. Zana-bibilava.

SERPENTER, *vn*. Miolikolika. La rivière serpente dans la plaine. *Miolikolika* ao amy ny tany lemaka ny renirano.

SERPENTIN, *sm*. Kanoa.

SERPETTE, *sf*. Antsy joko loha.

SERPOLET, *sm*. Karazan-java-maniry manitra.

SERRE, *sf*. 1° Hohom-borona. 2°—, Trano fitahirizan-java-maniry avy amy ny tany mafana.

SERRÉ, ÉE, *p*. et *adj*. 1° Voageja, nogejana, voagehy, nogehezina, voagia, nogiazana, voafia, nofiazana, voatery, noterena. tery, voaporitra, noporitina, poritra, voafihina, nofihinina. Nœud bien —. Vona *voageja*, *voagehy*, *voagia* mafy. Il a la main serrée dans l'étau. *Tery*, *poritry* ny vahoho ny tánany. 2°—, Mifanety, mifanizina, mikitroka, madonda, mitohana. Nous sommes trop serrés à cette table. *Mifanety*, *mifanizina* loatra amin' ity latabatra ity isika. Du drap bien —. Lopótra *mikitroka*, *madonda*. Avoir le ventre—. *Mitohana*. 3°—, Voampirina, nampirimina, miampirina. 4° *fig*. Fohy teny sady mazava, hontsa, mahihitra. Style —. Lahateny *fohy sady mazava*. Il a le cœur —. *Hontsa* ny fony. Un homme —. Lehilahy *mahihitra*.

Serré, *adv*. Fatratra. Il a gelé —. Nangatsiaka *fatratra* ny andro.

SERREMENT, *sm*. 1° Fangojana, fangiazana, famiazana, fanerena, famoritana, famihinana. — de main. *Fangejana*, etc., tánana. 2° *fig*. Hahontsa. Cette nouvelle lui a donné un — de cœur. *Nahontsa* ny fony izany zava-baovao izany.

SERRE-PAPIERS, *sm*. Efitrefitra fametrahan-taratasy, fanindrian-taratasy.

SERRER, *va*. 1° Mangeja, mangehy, mangia, mamia, manery, mamoritra, mamihina. Serrez ce cordon. *Gejao*, *gehezo*, *giazo* io kofehy io. — la main à quelqu'un. *Mangeja*, *mangia*, etc., tánan'olona. Ces souliers serrent les pieds. *Manery*, *mamoritra* ny tongotra ireo kiraro ireo. Je l'ai serré dans mes bras. *Nofihiniko* teo an-tratrako izy. 2°—, Mampifanety, mampifanatona, mampitohana, mampihidy. — les rangs. *Mampifanety* laharana. — les pieds. *Mampifanatona* tongotra. — les dents. *Mampihidy* nify. 3°—, Mampirina, mangorona. — les blés. *Mampirina* ny varimbazaha. Serrez votre argent. *Ampirimo* ny volanao. — les voiles. *Mangorona* lain-tsambo. 4° *fig*. Mamoritra, manafohy, mahontsa. —quelqu' un de près. *Mamoritra* olona. — son style. *Manafohy* ny laha-teniny. Cela serre le cœur. *Mahontsa* ny fo izany.

Se serrer, *vpr*. 1° Mangeja tena. Se — avec une corde. *Mangeja tena* amy ny tady. 2°—, Mifanety, mitampify. Se — contre le mur. *Mitampify* amy ny rindrina.

SERRURE, *sf.* Hidim-baravarana vohana amy ny laklé.

SERRURERIE, *sf.* Fanaovana hidim-baravarana.

SERRURIER, *sm.* Mpanao hidim-baravarana.

SERVAGE, *sm.* Toetry ny menakely, — ny mainty enin-dreny.

SERVANT, *sm.* Mpisarivy, mpiakanjo.

SERVANTE, *sf.* Mpanompovavy.

SERVIABLE, *adj.* Mazoto hanampy. —hanao soa. Il est—. *Mazoto hanampy*, etc., izy.

SERVICE, *sm.* 1° Fanompoana. Il a été longtemps à son—. *Nanompo* azy ela izy. Le — de Jean est lent. Tsy rototra amy ny *fanompoana* Joany. Il est dévoué à son—. Mazoto *hanompo* azy izy. Il est de—. Manao *fanompoana* izy. Il s'est consacré au—de Dieu. Nanokan-tena mba *hanompo* an'Andriamanitra izy. Il y a vingt ans qu'il est au—. Roapolo taona no *nanompoany*, — nahamiaramila azy. Il a obtenu la récompense de ses services. Nahazo valisoa noho ny *fanompoana* nataony izy. 2°—, Fitondrana raharaha, fikarakarana, fombam-pivavahana, lamesa hiraina, lamesa ho any ny maty. Organiser les services publics. Mandamina ny *fitondrana ny raharaham*-panjakana. Le — est bien fait dans cet hôpital. *Voakarakara* tsara ny zavatra rehetra amin' ity trano fitsaboana ity. Le — se fait bien dans cette église. Vita tsara ny *fombam-pivavahana*, ny *lamesa hiraina* ao amin' izany trano leglizy izany. Nous avons été au — d'un tel. Avy namonjy ny *lamesa* natao *ho an'itompokolahy* ranona izahay. 3°—, Fanaovana, fiasana, fanampiana, soa. Ce meuble est hors de —. Tsy azo *atao* na inona na inona intsony io fanaka io. L'estomac lui refuse le —. Tsy *miasa* intsony ny ambavafóny. Il lui a offert ses services. Nanolo-tena mba *hanampy* azy izy. Il m'a rendu un grand —. Nanao-*soa* lehibe tamiko izy. ‖ *loc.* Les jambes lui refusent le —. Tsy afa-mandeha intsony ny tongony. Rendre un mauvais —. Manaratsy, misakana, manahirana. 4°—, Karaza-nahandro, fomban-databatra. Repas à trois services. Fihinanana misy *karaza-nahandro* telo loha. — de porcelaine. Lovia bakoly *fomban-databatra*. —de toile damas. Lamba damá *fomban-databatra*.

SERVIETTE, *sf.* Lamba fitondra mihinana, — famaohan-tánana.

SERVILE, *adj.* 1° Momba ny mpanompo, fanaon' ny mpiasa. Il est de condition —. *Mpanompo* izy. Œuvres serviles. Asa *fanaon' ny mpiasa*. 2°—, Tsy mendrika, tsy manjary, mandady. Sentiments serviles. Hevitra *tsy mendrika, tsy manjary*. Âme —. Olona *mandady*. 3°—, Araka ny teny loatra. Traduction —. Fandikan-teny *araka ny teny loatra*.

SERVILEMENT, *adv.* 1° Tsy mendrika, tsy manjary, mandady. 2°—, Araka ny teny loatra.

SERVILISME, *sm.* Fanekena lempona.

SERVILITÉ, *sf.* 1° Tsy fahamendrebana, fandadiana. 2°—, Fanarahana ny teny loatra.

SERVIR, *va.* 1° Manompo. Nul ne peut — deux maitres. Tsy misy mahay *manompo* tompo roa. — Dieu. *Manompo* an'Andriamanitra. 2°—, Manao fanompoana, — raharaha, misarivy, mitondra, manatitra, mampihinana. —l'Etat. *Manao fanompoana*, — *raharaham*-panjakana. — la messe. *Misarivy* lamesa. Servez le potage. *Entò, atero* ny lasopy. Servez-lui de la perdrix. *Ampihinano* tsipoy izy. — son maitre à table. *Mampihinana* ny tompony. 3°—, Mandoa, manome, manampy, manasoa. — une rente. *Mandoa* zana-bola isan-taona. Le boucher vous a mal servi. Tsy *nomen'* ny mpivaro-kena hena tsaratsara hianao. Il m'a bien servi dans cette affaire. *Nanampy* ahy tsara tamin' izany raharaha izany izy. — les passions de quelqu'un. *Manampy* olona hanaraka ny filan-dratsiny. Il a bien servi sa patrie. *Nanasoa* ny tanin-drazany izy.

—, *vn.* 1° Manompo. Il sert depuis quinze ans. Dimy amby ny folo taona izao no *nanompoany*, nahamiaramila azy. 2°—, Solo, manao raharaha, entina, atao, mahasoa, mahavita, fanaovana, forme relative. Il me sert de père. *Solon*-draiko izy. Il m'a servi d'interprète. *Nanao raharahan'* ny fandikan-teny tamiko izy. Ces troupes servent à la défense des frontières. *Entina* hiaro ny sisin-tany ireo miaramila ireo. Cela ne sert à rien. Tsy azo *atao* na inona na inona izany, tsy *mahasoa* velively izany. Ce cheval ne peut plus—. Tsy azo *atao*, tsy *mahavita* na inona na inona intsony io soavaly io.

A quoi sert cette machine? *Anaovana* inona ity milina ity? Cette barque sert à passer la rivière. Io lakan-drafitra io no *itana* ny renirano. Il leur sert de jouet. *Ilalaovan'* izy ireo izy.

Se servir, *vpr.* 1° Manompo tena. 2°—, Maka. Servez-vous du potage. *Maká* lasopy. 3°—, Manao, mandany, entina manao, manonona, mandeha. Il se sert de la règle. *Manao* amy ny fitsipika izy, ny fitsipika no *anaovany*. Il se sert de la bourse de son ami. *Mandany* ny volan' ny sakaizany izy. Il se sert bien de son crédit auprès du roi. *Entiny manao* soa ny fitiavan' ny mpanjaka azy. Il se sert trop souvent du même mot. *Manonona* teny iray loha matetika loatra izy. Il ne se sert jamais de voiture. Tsy *mpandeha* amin-kalesy na oviana na oviana izy.

SERVITEUR, *sm.* 1° Mpanompolahy, mpanompo. — de Dieu. *Mpanompon'* Andriamanitra. 2°—, Mpanao raharaha, miaramila. — de l'État. *Mpanao raharaham*-panjakana, *miaramila.*

SERVITUDE, *sf.* 1° Fanandevozana, fahandevozana. Mettre en —. *Manandevo.* Samson délivra Israël de la—. Samsona nanafaka ny Israely tamy ny *fahandevozana.* La — des passions. Ny *fanandevozan'* ny filan-dratsy. 2°—, Fahasahiranana. C'est une grande — de se rendre là tous les jours. *Manahirana* loatra ny mankany isan' andro.

SES, Voy. SON.

SESSION, *sf.* Fivoriana. La— des chambres a duré cinq mois. Naharitra dimy volana ny *fivorian'* ny parlemonta.

SETIER, *sm.* Fa-bary taloha mitovitovy amy ny vary iray aty.

SÉTON, *sm.* Tady atao maninteraka ny nofo hampandeha nana.

SEUIL, *sm.* Tokonana.

SEUL, SEULE, *adj.* Irery, honjohonjo, tokana, singana, na dia iray aza, hany, fotsiny. Il était tout —. Izy *irery, honjohonjon'* izy *irery* no tao. Ils sont tous deux seuls. *Honjohonjon'* izy roa lahy. Lui — connaît ses goûts. Izy *irery* no mahalala izay tiany. Il marche —. Mandeha *irery* izy. Un — Dieu. Andriamanitra *tokana.* Cet enfant ne peut pas encore aller —. Mbola tsy *mahatokan*-dàlana io zazalahy io. Un — cheveu. *Singam*-bolo iray. Il vit—. Mitoetra *irery, mitokana, maninganana.* miolonolona izy. Il n'a pas un — ami. Tsy manan-tsakaiza *na dia iray aza* izy. C'est le — chéri. Izy no *hany* malala. C'est le — qui reste de la famille. Izy no *hany* sisa amy ny fianakaviany. La seule idée en fait frémir. Ny heviny *fotsiny* mampihoron-koditra.

—, *sm* Le pouvoir d'un —. Ny fahefan' ny mpanjaka mandidy tokana.

SEULEMENT, *adv.* Monja, fotsiny. Dites — une parole. Milazà teny indraim-bava *monja.* Regardez —. Mijerè *fotsiny.*

SÈVE, *sf.* 1° Ranon-kazo. 2° *fig.* Hery. Ce vin n'a plus de —. Tsy *mahery* intsony io divay io.

SÉVÈRE, *adj.* 1° Sarotsarotiny, lozabe, maly, sarotra, mangidy. Juge —. Mpitsara *sarotsarotiny, lozabe.* Loi—. Lalàna *mafy, sarotra, mangidy* Voy. RIGOUREUX. 2°—, Mampiseho halozana. Il a le front —. *Mampiseho halozana* ny handriny. 3°—, Mendrika sady tsotsotra. Style —. Laha-teny *mendrika sady tsotsotra.*

—, *sm.* Zavatra mendrika sady tsotsotra.

SÉVÈREMENT, *adv.* Amin-kalozana, mafy.

SÉVÉRITÉ, *sf.* 1° Halozana, hamafy, hasarotra, hangidy. 2°—, Hatsotsotra.

SÉVICES, *sm. pl.* Famonoam-bady, fikapohan-janaka na mpanompo.

SÉVIR, *va.* Mamay, mamely mafy. On a sévi contre lui. Efa *nofaizina, nasiana mafy* izy. La petite-vérole sévissait. *Namely mafy* ny nendra tamin' izay.

SEVRAGE, *sm.* Fanotazana, fampisaraha-nono, fampitsahara-nono.

SEVRER, *va.* 1° Manoty, mampisaranono, mampitsaha-nono. On l'a sevré à deux ans. *Notazana, nosarahi-nono, natsaha-nono* izy nony tapitra roa taona. 2° *fig.* Manaisotra, mampifady. On l'a sevré de tout plaisir. *Nampifadina* ny fifaliana rehetra izy.

Se sevrer, *vpr.* 1° Otazana, sarahi-nono, atsaha-nono. 2°—, Mifady. Se — des plaisirs du monde. *Mifady* ny fifalian' izao tontolo izao.

SEXAGÉNAIRE, *adj.* et *s.* Nahatratra enim-polo taona.

SEXE, *sm.* Ny mahalahy, ny mahavavy. Le — masculin. Ny *mahalahy* ny lahy. Le — féminin. Ny *mahavavy* ny vavy. Des personnes de l'un et de l'autre —. *Lehilahy* sy *vehivavy.* Le beau —. Ny *vehivavy.* Le — fort. Ny *lehilahy.*

SEXTUPLE, *sm.* Inenina, inenina heny.

—, *adj.* Inenina, inenina heny. Voy. QUADRUPLE.

SEXTUPLER, *va.* Mampitombo inenina, — inenina heny.

SEXUEL, ELLE, *adj.* Mahalahy, mahavavy, momba ny lahy, — ny vavy.

SHAKO, *sm.* Avotrafo.

SI, *conj.* 1° Raha. —vous voulez être heureux, aimez la vertu. *Raha* te-ho sambatra hianao, tiavo ny hatsaram-panahy. Informez-vous — la chose est vraie. Zahao *raha* marina izany. — je suis triste, c'est que j'en ai sujet. *Raha* malahelo aho, misy antony. 2° —, Marina, eny Je gage que—. Sahiko ilokana fa *marina* izany. Vous dites que non, et je dis que —. Hianao milaza tsia, ary izaho milaza *eny*. 3°—, Manao ahoana. Vous savez — je vous aime. Fantatrao *manao ahoana* ny fitiavako anao.

—, *sm.* Olakolaka. Il a toujours des—. Be *olakolaka* lalandava izy.

—, *adv.* 1° Loatra. Il marchait — vite, que je ne pus l'atteindre. Nandeha haingana *loatra* izy, ka tsy tratrako. 2°—, Tahaka izany, tahaka azy, tahaka. Ne parlez pas — haut. Aza manao feo avo *tahaka izany*. Je ne connus jamais un — brave homme. Tsy mbola nahita olona tsara fanahy *tahaka azy* aho. Il n'est pas — riche que vous. Tsy manan-karena *tahaka* anao izy. 3°—, Na manao ahoana na manao ahoana. —habile que vous soyez, vous n'y réussirez pas. *Na manao ahoana na manao ahoana* fahaizanao, tsy hahomby amin' izany hianao.

Si ce n'est que, *loc. conj.* Afa-tsy. Il vous ressemble, — ce n'est qu'il est plus petit. Mifandraidraika aminao izy, *afatsy* uoho izy fohifohy kokoa.

Si fait, *loc.* Marina. —fait, j'irai. *Marina* fa handeha aho.

Si bien que, *loc. conj.* Any ka. La nuit nous surprit en chemin, — bien que nous nous égarâmes. Tratra alina teny an-dalána izahay, *any ka* diso lálana.

SIBYLLE, *sf.* Vehivavy notsindrianjavatra, — mpizaha.

SICAIRE, *sm.* Mpamono olona voatamby vola.

SICCATIF, IVE, *adj.* Mahamaina. Huile siccative. Diloilo *mahamaina*.

—, *sm.* Zavatra mahamaina.

SICCITÉ, *sf.* Hamaina.

SIDÉRAL, ALE, *adj.* Momba ny kintana. Année sidérale. Taona fitsingerenan' ny tany amy ny *kintana* anankiray. Jour —. Andro fitsingerenan' ny tany amy ny *kintana* anankiray.

SIÈCLE, *sm.* 1° Zato taona, siekla, sentory. 2°—, Ela. Il y a un — qu'on ne vous a vu. *Ela* no tsy nahitana anao. 3°—, Ny taranaka ho avy, hainana, taona. Les siècles rediront sa gloire. Hankalaza azy ny *taranaka ho avy.* Le — futur. Ny *fiainana* ho avy. Dans tous les siècles des siècles. Amy ny *taona* rehotra mandrakizay mandrakizay. 4° —, Andro, olona miara-belona. Le — d'Alexandre. Ny *androny* Aleksandra. Chaque — a ses vices. Samy manana ny maharatsy azy ny *andro* rehetra. — d'or. *Andro* fiadanana. — de fer. *Andro* sarotra. Ce — était ignorant. Tsy nisy fahalalana tamin' ireo *andro* ireo. Il était au-dessus de son —. Tafahoatra ny *olona niara-belona* taminy izy. 5°—, Izao tontolo izao. Il se retira du —. Nandao an' *izao tontolo izao* izy.

SIÈGE, *sm.* 1° Fipetrahana. Apportez un —. Itondray *fipetrahana* anankiray. Le cocher était sur son —. Tao amy ny *fipetrahany* ny mpitarika kalesy. Le juge étant sur son —. Nony tao amy ny *fipetrahany* ny mpitsara. 2° —, Fiketrahana, renivohitra. Cet évêque a tenu le — dix ans. Naharitra folo taona tao amy ny *fiketrahany* izany eveka izany. Le saint —. Ny *fiketrahan'* ny papa, ny papa. Pendant la vacance du saint —. Nony tsy nisy papa tao amy ny *fiketrahany.* Décision du saint —. Didin' ny *papa*. Rome était le — de l'empire. Roma no *renivohitry* ny fanjakana tamin' izay. 3°—, Fahirano. Mettre le—devant une place. Manao *fahirano* tanána anankiray. Lever le —. Miala tsy manao *fahirano ; fig.* miala. 4° *fig.* Izay isehoana indrindra, fototra. Rome était le — de l'idolâtrie. Tany Roma no *nisehoan'* ny fanompoan-tsampy *indrindra.* Le — du mal est dans l'estomac. Ao ambavafó no *fototry* ny aretina.

SIÉGER, *vn.* 1° Manapaka, mitsara. Ce pape siègea dix ans. Nandritra ny folo taona no *nanapahan'* izany papa izany. Ce juge doit — dans cette affaire. *Hitsara* izany raharaha izany io mpitsara io. 2° *fig.* Miseho indrindra, fototra.

SIEN, SIENNE, *adj. poss.* et **LE SIEN, LA SIENNE,** *pron. poss.* Azy, ny azy. Ce n'est pas mon livre, c'est le —. Tsy ahy ity boky ity fa *azy*, tsy ny bokiko ity fa *ny azy*.

—, *sm.* 1° Ny azy. Il ne demande que le —. Tsy mitady afa-tsy *ny azy* izy. 2°—, *pl.* Ankohonana, sakaiza. Voy. MIEN.

SIESTE, *sf.* Torimaso kely antoandro.

SIEUR, *sm.* Indriamatoa, indriatoa. Je plaide pour le — un tel. Misolo vava an' *indriamatoa* ranona aho. Un — Paul est venu me faire une réclamation. Tonga nitaraina tamiko *indriatoa* Rapaoly.

SIFFLABLE, *adj.* Mendrika hakoraina amy ny siaka, mendrika bisirana.

SIFFLANT, ANTE, *adj.* Misy siaka. L'S est une consonne sifflante. Ny S dia renisoratra *misy siaka*.

SIFFLEMENT, *sm.* 1° Siaka, fisiaka, sioka, fisioka. 2°—, Fifioka, fibizizioka. Le — du vent. Ny *fifioky* ny rivotra.

SIFFLER, *vn.* 1° Misiaka, misioka. — pour appeler quelqu'un. *Misiaka*, etc., olona. On entendait — les serpents. Re *nisiaka* ny bibilava tamin' izay. 2°—, Mifioka, mibizizioka. Les balles sifflaient à ses oreilles. *Nifioka*, etc., tao amy ny tadininy ny bala.

—, *va.* 1° Misiaka, misiatsiaka. — un chien. *Misiaka* alika. Il siffle toutes sortes d'airs. *Misiatsiaka* hira betsaka izy. 2° —, Manakora amy ny siaka, misitra. On a sifflé cet acteur. *Nakoraina tamy ny siaka, nisitrisirana* io mpanao teatra io.

SIFFLET, *sm.* 1° Tsotsóka. 2° *fig.* Fanakorana amy ny siaka, fisitrisirana. ‖ *loc.* Couper le — à quelqu'un. Manasominda olona ; *fig.* mandresy lahatra olona.

SIFFLEUR, EUSE, *s.* Mpisiaka, mpisioka.

SIGNAL, *sm.* 1° Famantarana. Faire un —. Manao *famantarana*. ‖ *loc.* — donné avec du feu. Tsangan'afo. 2°—, Fitarihana. Il a donné le — des applaudissements. *Nitari*-tehaka izy.

SIGNALÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Voalaza endrika. Ce voleur est — à la police. Efa *voalaza endrika* tamy ny polisy izany mpangalatra izany. 2° —, Natoro, nambara. Il fut — à l'autorité comme un homme dangereux. Efa *natoro*, etc., tamy ny lehibe ho toy ny olona tokony hatahorana izy. 3° —, Nambara tamy ny famantarana. Le navire — ce matin vient d'arriver. Tonga ilay sambo *nambara tamy ny famantarana* aninaraina. 4° *fig.* Malaza, mahagaga, lehibe. Victoire signalée. Fandresena *malaza*. Vertu signalée. Hatsaram-panahy *mahagaga*. Un service —. Soa *lehibe*.

SIGNALEMENT, *sm.* Filazana endrik' olona hahafantarana azy.

SIGNALER, *va.* 1° Milaza endrik'olona hahafantarana azy. 2°—, Manoro, manambara. Il a signalé toutes les erreurs de cet historien. *Natorony* avokoa ny hadisoan-kevitr' izany mpitantara izany. 3°—, Manambara amy ny famantarana. — l'ennemi. *Manambara* ny fahavalo *amy ny famantarana.* 4° *fig.* Mampahalaza, mampiseho. Ce prince signala son règne par de grands exploits. Izany mpanjaka izany *nampahalaza* ny andro nanjakany tamy ny herim-po lehibe nasehony. Il a signalé son courage dans cette occasion. *Nampiseho* ny herimpony izy tamin' izay.

Se signaler, *vpr.* Mihamalaza.

SIGNATAIRE, *sm.* Mpanisy sonia.

SIGNATURE, *sf.* Sonia. —illisible. *Sonia* tsy azo vakina. Donner sa—. Manisy *sonia*.

SIGNE, *sm.* Famantarana, fanambarana, baiko, fampisehoana. La fumée est — de feu. Ny setroka no *famantarana* ny afo, *manambara* afo. Le—de la croix. Ny *famantaran'* ny hazo-fijaliana. Faire un — de la main. Manao *famantarana* amy ny tánana. Le jugement dernier sera précédé de signes dans le ciel. Hisy *famantarana* maro eny an-danitra hialoha ny fitsarana farany. Les muets se parlent par signes. *Mifampibaiko* ny moana. Appeler par un —. Voy. APPELER. Les mots sont les signes de nos idées. Ny teny no entina *manambara, mampiseho* ny hevitsika. Il m'a donné des signes d'amitié. *Nampiseho* ny fitiavany ahy izy.

SIGNER, *va.* Manisy sonia. — un contrat. *Manisy sonia* fanekena.

Se signer, *vpr.* Manao famantaran' ny hazo-fijaliana.

SIGNET, *sm.* Ribiana atao famantarana amy ny boky.

SIGNIFICATIF, IVE, *adj.* Mampiseho tsara ny heviny. Il s'est servi d'un mot —. Nisy teny indraim-bava monja

no nentiny *nampiseho tsara ny heviny.*

SIGNIFICATION, *sf.* 1° Hevitra. Ce mot a plusieurs significations. Maro *hevitra* izany teny izany. 2°—, Fampandrenesana. On lui fit la — du jugement. *Nampandrenesina* ny teny fitsarana izy.

SIGNIFIER, *va.* 1° Hevitra, manambara. Il comprit ce que signifiait ce regard. Nahazo ny *hevitr'* izany fijery izany izy. Ces murmures ne signifient rien de bon. Tsy *manambara* zavatra tsara velively ireo fimonjomonjoana ireo. Cela ne signifie rien. Tsy misy *heviny* velively izany. Que signifie ce mot? Inona no *hevitr'* izany teny izany? 2°—, Mampandre. Je lui ai signifié ma volonté. Efa *nampandrenesiko* azy ny sitra-poko.

SILENCE, *sm.* 1° Fanginana, tsy filoahan-bava, fihimohana, tsy fitenenana. Il garda le —. *Nangina, gina, tsy nitoa-bava, nihimoka, tsy niteny, tsy niteny* tsy nivolana izy. Le médecin lui a proscrit le —. Nandidy azy mba *tsy hiteniteny* ny dokotera. Imposer—. *Mampangina,* manao salanitra. —! *Mangina!* salanitra! 2°—, Tsy filazana, tsy fampitondrana taratasy. Les historiens gardent le — sur ce fait. *Tsy milaza* ny amin' izany ny mpitantara. Passez cela sous—. Aza *milaza* izany. Quelle est la cause de votre —? Inona no antony *tsy nampitondranao taratasy?* 3° *fig.* Fanginginana. Le — de la nuit. Ny *fanginginan'* ny alina.

SILENCIEUX, EUSE, *adj.* 1° Vitsy teny, jomóka. 2° *fig.* Mangingina. Bois —. Ala *mangingina.*

SILEX, *sm.* Vatoafo, vatofalia.

SILHOUETTE, *sf.* Sarin' ny sisin' ny ilatareby.

SILLAGE, *sm.* Dian-tsambo hita eny amy ny ranomasina.

SILLON, *sm.* 1° Soritsoritra ataon' ny angadin' omby. 2°—, Dia, ketrona. 3°—, Saha. Le sang inonda nos sillons. Vonto ra ny *sahantsika* tamin' izay.

SILLONNÉ, ÉE, *adj.* Voasoritsoritra, nosoritsoritana, misoritsoritra. Un champ bien—. Tanimboly *voasoritsoritra,* etc., tsara.

SILLONNER, *va.* 1° Manoritsoritra, mampiketrona. Le serpent se meut en sillonnant la vase. Ny bibilava *manoritsoritra* ny dilatra raha mandeha. L'âge silonne son front. *Mampiketrona* ny handriny ny fahanterana. 2°—, Mitety. Les vaisseaux sillonnent les mers. *Mitety* ny ranomasina ny sambo.

SILO, *sm.* Lava-bary.

SIMAGRÉE, *sf.* Angolangola. Comme MINAUDERIE.

SIMILAIRE, *adj.* Mitovy.

SIMILITUDE, *sf.* 1° Fitoviana. 2°—, Fanoharana.

SIMONIAQUE, *adj.* et *s.* Misy *simonie,* mpanao *simonie.*

SIMONIE, *sf.* Fivarotana na fividianana ny fahasoavana na ny raharaha masina.

SIMPLE, *adj.* 1° Tsy misy zavatra maro loha, iray loha. Dieu, l'âme sont des êtres simples. Andriamanitra, ny fanahy dia *tsy misy zavatra maro loha.* Idée—. Hevitra *iray loha.* 2°—, Hiany, monja, fotsiny izao. Il n'a qu'un — vêtement. Tsy manana afa-tsy fitafiana iray *hiany, monja* izy. Donation pure et—. Fanomezana *fotsiny izao.* —soldat. Miaramila *fotsiny izao,* vata-miaramila. —particulier. Isan' ny ankapobem-bahoaka *fotsiny izao.* 3°—, Tsotra. Machine—. Milina *tsotra.* Maison —. Trano *tsotra.* Discours—. Laha-teny *tsotra.* — comme un enfant. *Tsotra* hoatra ny zaza kely. Il est si — que le premier venu le trompe. *Tsotra* loatra izy, ka fanambakan' ny sasany.

—, *sm.* 1° Zavatra tsy maro loha, zavatra iray loha. 2°—, Olona tsotra. 3°—, *pl.* Zava-maniry fanao fanafody.

SIMPLEMENT, *adv.* 1° Tsotra, amimpahatsorana. Il est vêtu —. Manao fitafiana *tsotra* izy. Avouer —. Manaiky *amim-pahatsorana.* 2°—, Hiany, fotsiny. Je dis — que.... Izao *hiany,* etc., no lazaiko.

SIMPLICITÉ, *sf.* Fahatsorana. La — d'un enfant. Ny *fahatsoran'* ny zaza kely. Quelle —! Endrey izany *hatsorana!*

SIMPLIFICATION, *sf.* Fanatsorana.

SIMPLIFIER, *va.* Manatsotra. — un raisonnement. *Manatsotra* porofo andukiray.

Se simplifier, *vpr.* Mihatsotra. L'affaire se simplifie. *Mihatsotra* ny raharaha.

SIMULACRE, *sm.* 1° Sary, sampy. Les simulacres des dieux. Ny *sarin'* ny andriamanitra tsizy. Adorer des simulacres. Mivavaka amy ny *sampy.* 2°—,

Matoatoa. De vains simulacres. *Matoatoa* foana. 3° *fig.* Sary, zavatra anohatra. — de combat. *Sarin'* ady, ady *anohatra*. Il n'y avait qu'un — de royauté. Tsy nisy afa-tsy mpanjaka *anohatra* tamin' izay.

SIMULATION, *sf.* Fodiana.

SIMULÉ, ÉE, *adj.* Anohatra, ankosoka. Combat —. Ady *anohatra*. Dévotion simulée. Fitiavam-bavaka *ankosoka*.

SIMULER, *va.* Mody, manao anohatra. — une vente. *Mody* mivarotra. — un combat. *Manao* ady *anohatra*.

SIMULTANÉ, ÉE, *adj.* Miaraka. Mouvement —. Fihetsehana *miaraka*.

SIMULTANÉITÉ, *sf.* Fiarahana.

SIMULTANÉMENT, *adv.* Miaraka.

SINAPISÉ, ÉE, *adj.* Misy mostarda.

SINAPISER, *va.* Manisy mostarda.

SINAPISME, *sm.* Mostarda.

SINCÈRE, *adj.* Tsotra, mihitsy loha, tsy manao an-kifonofono, marina. Homme —. Olona *tsotra, mihitsy loha, tsy manao an-kifonofono*. Piété—. Fitiavam-bavaka *marina*.

SINCÈREMENT, *adv.* Tsotra, an-kitsiloha, tsy an-kifonofono, marina.

SINCIPUT, *sm.* Tampon-doha.

SINÉCURE, *sf.* Raharaha maivana be vola.

SINE QUÂ NON, *adv.* Tsy maintsy harahina indrindra. Condition —. Anjoanjon-teny *tsy maintsy harahina indrindra*.

SINGE, *sm.* 1° Rajako. 2° *fig.* Mpianatra olona. C'est un vrai—. Mahay *mianatra olona* izy.

SINGER, *va.* Mianatra olona. — les manières de quelqu'un. *Mianatra* ny ataon' olona.

SINGERIE, *sf.* Fianarana olona.

SINGULARISER (SE), *vpr.* Manao hafahafa, mandry manokana noho ny be.

SINGULARITÉ, *sf.* Hahafahafa, zavatra mahagaga, fanaovana hafahafa, fandriana manokana noho ny be. J'ai passé un mois à examiner les singularités de cette ville. Efa nozahako nandritra ny iray volana ny *zavatra mahagaga* tao amin' izany tanána izany. Evitez les singularités. Aza *manao hafahafa*, aza *mandry manokana noho ny be*.

SINGULIER, IÈRE, *adj.* 1° Hafahafa, mahagaga, manao hafahafa, hafa fandry, mandry manokana noho ny be. Coutume singulière. Fanao *hafahafa*. Voilà un — propos. Resaka *mahagaga* izany Homme —. Olona *hafahafa, manao hafahafa, hafa fandry, mandry manokana noho ny be*. 2°—, Samy irery, milaza tokana. Combat—. Ady *samy irery*.

—, *sm.* Teny milaza tokana.

SINGULIÈREMENT, *adv.* 1° Indrindra. Il est — attaché à ses devoirs. Miraikitra *indrindra* amy ny zavatra tsy maintsy hataony izy. 2°—, Hafahafa. Il est — vêtu. Manao fitafiana *hafahafa* izy.

SINISTRE, *adj.* 1° Mampidi-doza, mamohehatra. Accident —. Voina *mampidi-doza*, etc. 2° —, Mahatsiravina. Présage —. Fambara *mahatsiravina*. Il a le regard —. *Mahatsiravina* ny fijeriny. Cet homme a des projets sinistres. *Mahatsiravina* ny fikasan' io lehilahy io.

—, *sm.* Loza, fatiantoka avy amy ny loza. Evaluer le —. Manombana ny *fatiantoka avy amy ny loza*.

SINON, *conj.* 1° Raha tsy izany. Cessez ce discours, — je me retire. Atsaharo izany resaka izany, fa *raha tsy izany* handeha aho. 2° —. Afa-tsy. Que ditesvous, — une injure? Milaza inona moa hianao, *afa-tsy* teny faniratsirana?

SINUEUX, EUSE, *adj.* Miolikolika.

SINUOSITÉ, *sf.* Fiolikolika, olikolika. La rivière fait beaucoup de sinuosités. *Miolikolika* be hiany ny renirano.

SIPHON, *sm.* 1° Fantsona mifaraingo fitrohana rano mba hamindrana azy. 2° —, Rambondanitra amy ny ranomasina.

SIRE, *sm.* 1° Tompokolahy (teny fanao amy ny mpanjaka). 2°—, Olona. Pauvre —. *Olom*-poana.

SIROP, *sm.* Sirao.

SIS, SISE, *p.* du verbe *Seoir*, inus. Any. Maison sise à Paris. Trano *any* Parisy.

SITE, *sm.* Fitoerana. — agréable. *Fitoerana* mahalinaritra.

SITÔT, *adv.* Haingana tahaka izay. Il n'arrivera pas —. Tsy ho tonga *haingana tahaka izay* izy.

Si tôt que, *loc. conj.* Vantany vao, nony vao. Comme AUSSITÔT QUE.

SITUATION, *sf.* Toerana, fitoerana, fitoetra, fipetraka, toetra. Cette ville est

dans une — favorable au commerce. Tsara ivarotana ny *toerana*, ny *fitoeran'* ity tanána ity. Ce malade est dans une — incommode. Mananosarotra ny *fitoetra*, *fipetrak'*io marary io. Son esprit est dans une — tranquille. Milamina ny *toe*-tsainy. Ses affaires sont dans une bonne —. Tsara avokoa ny *toetry* ny raharahany.

SITUER, *va.* Manorina amy ny fitoerana anankiray. On a mal situé la maison. Tsy *voaorina amy ny fitoerana* tsara ny trano. Cette ville est bien située. *Voaorina amy ny fitoerana* tsara, tsara *toerana* io tanána io.

SIX, *adj. num.* 1° Enina. — fois. *Inenina.* — jours. *Henemana.* — par —. *Tsieninenina.* Partagez cela en —. *Enemo* io. C'est partagé en —. *Noenemina, mienina* izany. 2° —, Fahenina. Chapitre —. Toko *fahenina*.

—, *sm.* Enina. Le — septembre. Amy ny *enina* septembra.

SIXIÈME, *adj.* Fahenina. Pour la — fois. *Faninenina.*

—, *sm.* Ny ampaheniny. Il a un — dans cette affaire. Mahazo ny *ampaheniny* amin' izany raharaha izany izy.

SIXIÈMEMENT, *adv.* Fahenina.

SOBRE, *adj.* 1° Mahalala fetra amy ny hanina sy ny fisotro, mahalala ny onony —. 2° *fig.* Tsy manao be loatra. Il est — d'ornements. *Tsy manisy* renty *be loatra* izy. Il est — de paroles. *Tsy miteny be loatra* izy.

SOBREMENT, *adv.* 1° Amim-pahalalana fetra. 2° *fig.* Tsy be loatra. Ce remède est bon, mais il faut en user —. Tsara io fanafody io, nefa *tsy* tokony hosotroina *be loatra*.

SOBRIÉTÉ, *sf.* 1° Fahalalam-petra amy ny hanina sy ny fisotro. 2° *fig.* Tsy fanaovana be loatra.

SOBRIQUET, *sm.* Anaram-bosotra.

SOC, *sm.* Lelan' angadin' omby.

SOCIABILITÉ, *sf.* Fahazoana mikambana amy ny hafa.

SOCIABLE, *adj.* 1° Mora mikambana amy ny hafa. 2° —, Mora hatonina, mahay miaina. C'est un homme —. Lehilahy *mora hatonina*, etc., izy.

SOCIAL, ALE, *adj.* Momba ny fikambanana, — ny fanjakana, — ny kompany. L'ordre —. Ny lalána lehibe iankinan' ny *fanjakana*. Fonds —. Volan' ny *kompany*.

SOCIALISME, *sm.* Fampianaran' izay ta-hampitovy tantana ny olona rehetra.

SOCIALISTE, *adj.* Momba ny *socialisme*.

—, *sm.* Olona tia ny *socialisme*.

SOCIÉTAIRE, *s.* et *adj.* Isan' ny fikambanana anankiray.

SOCIÉTÉ, *sf.* 1° Fikambanana, fanjakana, kompany. Les hommes se défendent par la —. Mifampiaro ny olona raha *mikambana*. Troubler la —. Mampikorontana ny *fanjakana*. Cette — est riche. Manan-karena izany *fikambanana*, *kompany* izany. 2° —, Fivoriana, fiarahana, fifanatonana. Il faut le bannir de notre —. Tsy maintsy horoahina amy ny *fivoriantsika* izy. Ces animaux vivent en —. *Miara*-mitoetra ireo biby ireo. Il n'y a point de — dans cette ville. Tsy misy olona azo *iarahana*, *ifanatonana* ato amin' ity tanána ity. Il aime la bonne —. Tiany ny *miaraka*, ny *mifanatona* amy ny olom-banona. Il fréquente la haute —. *Miaraka*, *mifanatona* matetika amy ny olona ambony toetra izy.

SOCLE, *sm.* Fitaingenan-tsariolona.

SOCQUE, *sm.* Kiraro faladia hazo.

SŒUR, *sf.* 1° Rahavavy, anabavy, mirahavavy, mianadahy. Elle n'a qu'une —. Iray monja ny *rahavaviny*, *mirahavavy* monja izy. Il a deux sœurs. Roa no *anabaviny*, telo *mianadahy* izy. Voy. Frère. 2° —, Masera.

SOFA ou **SOPHA,** *sm.* Sôfa.

SOI, *pron. pers.* Tena, azy, ny. L'amour de —. Ny fitiavan-*tena*. Chacun travaille pour —. Samy miasa ho any ny *tenany*, ho *azy* avy. Porter des armes sur —. Mitondra fiadiana eny *aminy*. Être à —. Mahaleo *tena*, mahazaka *tena*. Revenir à —. Mahatsiaro *tena* ‖ *loc.* N'être pas à —. Very saina. De —, en —. Raha ny toetrany no heverina. La vertu est aimable en —. Mahate-ho tia ny hatsaram-panahy *raha ny toetrany no heverina*. Rentrer en — même. Mandinika ny ao am-pony, mieritreritra.

SOI-DISANT, *loc. adv. invar.* Mihambo. Un tel — héritier. Ranona *mihambo* ho mpandova.

SOIE, *sf.* 1° Landikely, landy, lasoa, parasily. Filer de la —. Mamoly *landikely*, *landy*. Etoffe de —. Lamba *landy, lasoa, parasily*. 2° —, *pl.* Volon-kisoa, volon-dambo.

SOIERIE, *sf.* 1° Landikely, lasoa, para-

sily. Il se connait en soieries. Mahalala tsara ny toetry ny *landikely*, etc., izy. 2° —, Trano fanaovana parasily.

SOIF, *sf*. 1° Hetaheta Avoir —. *Mangetaheta*. 2° *fig*. Hetaheta, faniriana, fitsiriritana. Bienheureux ceux qui ont — de la justice. Finaritra izay *mangetaheta*, *maniry* ny fahamarinana. Il est dévoré de la — des honneurs. Mirehitry ny *fitsiriritam*-boninahitra izy.

SOIGNER, *va*. Mitandrina, mikajy, mikaly, manolokolo, mitsabo, mitaiza. Il soigne bien ses vêtements. *Mitandrina*, *mikajy* tsara ny fitafiany izy. Il ne soigne pas son écriture. Tsy *mikaly* ny soratra ataony izy. Il soigne bien ces arbres. *Manolokolo* tsara ireo fotokazo ireo izy. Il m'a bien soigné durant ma maladie. *Nitsabo* ahy tsara izy fony aho narary. Il soigne bien ses enfants. *Mitaiza* tsara ny zanany izy. Il soigne beaucoup son style. *Mikajy* dia mikajy ny laha-teniny izy.

Se soigner, *vpr*. Mitandrin-tena, mitsabo tena.

SOIGNEUSEMENT, *adv*. Amim-pitandremana.

SOIGNEUX, EUSE, *adj*. Mitandrina, mikajy, mikaly. Il est — de sa réputation. *Mitandrina*, *mikajy* ny lazany izy.

SOIN, *sm*. 1° Fitandremana, fikajiana, fikaliana, fanolokoloana, fitsaboana, fitaizana, fikarakarana, fikajakajana, fiahiana, fikanonkanonana. Cet ouvrage n'est pas fait avec —. Tsy *voatandrina*, tsy *voakajy* tsara io taozavatra io. Il n'a pas assez — de son cheval. Tsy *mitandrina*, tsy *manolokolo* tsara ny soavaliny izy. Il a pris — de mes affaires pendant mon absence. Izy no *nitandrina*, *nikarakara*, *nikajakaja*, *niahy* ny raharahako tamy ny izaho tsy teto. C'est elle qui a — du ménage. Izy no *mikarakara*, *mikajakaja*, *miahy*, *mikanonkanona* ny zavatra rehetra ao an-trano. Il en était aux petits soins avec moi. *Nikarakara*, *nikajakaja*, *niahy* ny zavatra madinika rehetra izay nilaiko izy. 2° —, Raharaha, andraikitra, adidy. Je vous remets le — de l'éducation de mon fils. Hianao no ametrahako ny *raharaha* momba ny fampianarana ny zanako, hianao no *ampiandraiketiko*, *ampiadidiko* ny fampianarana ny zanako. 3° —, Ahiahy. Il est libre de tout —. Afaka *ahiahy* izy.

SOIR, *sm*. Hariva.

SOIRÉE, *sf*. 1° Takariva. Il passe la — au jeu. Milalao mandritra ny *takariva* izy. 2° —, Fivoriana takariva.

SOIT, *adv*. Aoka ary. Vous le voulez : —. Izany no tianao : *aoka ary*.

—, *conj*. Na. — l'un, — l'autre. *Na* ity, *na* iry.

SOIXANTAINE, *sf*. 1° Enim-polo, tokony ho enim-polo. 2° —, Fahenim-polo taona.

SOIXANTE, *adj. num*. 1° Enim-polo. 2° —, Fahenim-polo.

—, *sm*. Enim-polo.

SOIXANTIÈME, *adj*. Fahenim-polo.

—, *sm*. Ny ampahenim-polony.

SOL, *sm*. Tany, tokotany. — stérile. *Tany* tsy mahavokatra. Il ne faut pas bâtir sur le — d'autrui. Tsy tokony hanorin-trano amy ny *tanin'* olona, etc.

SOLAIRE, *adj*. Momba ny masoandro. Rayon —. Tàna-*masoandro*. Système —. Ny planeta rehetra izay mihodina manodidina ny *masoandro*.

SOLDAT, *sm*. Miaramila, soridany, foloalindahy, mpiantafika.

SOLDATESQUE, *sf*. Miaramila maro mikotaba.

—, *adj*. Manao fanahin' ny miaramila. Il a des manières soldatesques. Manao *fanahin' ny miaramila* izy.

SOLDE, *sf*. Karaman' ny miaramila. Ce prince a dix mille hommes à sa —. *Manakarama* miaramila iray alina io mpanjaka io.

—, *sm*. Fanefana.

SOLDER, *va*. 1° Mandoa karaman' ny miaramila, manakarama miaramila. 2° —, Manefa. — un compte. *Manefa* trosa.

SOLÉCISME, *sm*. Hadisoan-teny mifanohitra amy ny gramara.

SOLEIL, *sm*. Masoandro, mahamay, hainandro, andro. La lumière du —. Ny fahazavan' ny *masoandro*. Ne vous tenez pas au —. Aza mitoetra amy ny *hainandro*. Se chauffer au —. Mitanin' *andro*. Tout est vanité sous le —. Zava-poana ny zavatra rehetra eto ambanin' ny *mahamay*. Il a reçu un coup de —. Voan' ny lazon' *andro* izy.

SOLENNEL, ELLE, *adj*. 1° Lehibe, amim-boninahitra. Fête solennelle. Fety *lehibe*. Il a fait son entrée solennelle. Niditra *amim-boninahitra* izy. 2° —, Araka ny lalàna, atao ampahibemaso. Testament —. Farahafatra atao *araka ny lalàna*. Vœu —. Voady *atao am-*

pahibemaso. 3°—, Be hambo, be ebo. Il parle d'un ton—. Manao teny *be hambo*, etc., izy.

SOLENNELLEMENT, *adv.* 1° Amimboninahitra. 2°—, Araka ny lalána, ampahibemaso.

SOLENNISATION, *sf.* Fanaovana amim-boninahitra.

SOLENNISER, *va.* Manao amim-boninahitra.

SOLENNITÉ, *sf.* 1° Fety lehibe, voninahitra. La — de Pâques. Ny *fety lehiben'* ny Paka. Il fut reçu avec—. Noraisina tamim-*boninahitra* izy. 2°—, Fanaovana araka ny lalána, — ampahibemaso.

SOLFÈGE, *sm.* Boky fanaovana solfà, solfà.

SOLFIER, *va.* Manao solfà. — un air. Manao *solfan*-kira anankiray.

SOLIDAIRE, *adj.* 1° Iombonana, miombona antoka, mifampiantoka, mifampiandraikitra. Caution—. Antoka *iombonana*. Nous sommes tous solidaires. *Miombona antoka* isika rehetra. Des débiteurs solidaires. Mpitrosa *mifampiantoka, mifampiandraikitra*. 2° *fig.* Mifampiantoka, mifampiandraikitra. Nous sommes tous solidaires; les torts de l'un de nous retombent sur les autres. *Mifampiantoka, mifampiandraikitra* isika rehetra; ka ny hadisoan' ny anankiray mihatra amy ny sasany.

SOLIDAIREMENT, *adv.* Amimpiombonana antoka.

SOLIDARITÉ, *sf.* Fiombonana antoka, fifampiantohana, fifampiandraiketana.

SOLIDE, *adj.* 1° Misy ventiny, mafy. Les corps solides. Ny zavatra *misy ventiny*. Maison—. Trano *mafy*. Il commence à prendre des aliments solides. Manomboka mihinana *ventin*-kanina izy. 2° *fig.* Marina, araka ny marina, mafy, mahatoky, mahery fo. Amitié—. Fisakaizana *marina, mafy*. Il a un jugement—. Mitsara zavatra *araka ny marina* izy. Homme—. Olona *mahatoky, mahery fo*.

—, *sm.* 1° Zavatra misy ventiny, zavatra mafy. 2° *fig.* Zavatra marina, —mahatoky. Attachez-vous au—. Miraiketa hianao amy ny *zavatra marina*, etc.

SOLIDEMENT, *adv.* 1° Mafy. 2° *fig.* Araka ny marina.

SOLIDIFIER, *va.* Mampanjary ho zavatra misy ventiny.

Se solidifier, *vpr.* Manjary ho zavatra misy ventiny.

SOLIDITÉ, *sf.* 1° Hamafy. 2° *fig.* Hamarinana.

SOLILOQUE, *sm.* Fitenenana irery.

SOLISTE, *sm.* Mpanao solò.

SOLITAIRE, *adj.* Mitoetra irery, mitokana irery, manirery, miolonolona. Vous êtes bien—. *Mitoetra irery, mitokana irery* loatra hianao. Il a l'humeur —. *Mpanirery, mpiolonolona* izy. Maison—. Trano *manirery*.

—, *sm.* 1° Mpitoka-monina. 2°—, Mpanirery, mpiolonolona.

SOLITAIREMENT, *adv.* Mitoetra irery, mitokana irery.

SOLITUDE, *sf.* 1° Fitoerana irery, fitokanana irery, fanirery, fiolonolona. 2° —, Fitoerana manirery.

SOLIVE, *sf.* Rairain-drihana, lafi-drihana.

SOLIVEAU, *sm.* Lafi-drihana madinika.

SOLLICITATION, *sf.* 1° Fitaomana, famporisihana, fitarihana. 2°—, Fangatahana.

SOLLICITER, *va.* 1° Mitaona, mamporisika, mitarika. Qui est ce qui vous a sollicité à cela? Iza no *nitaona*, etc., anao mba hanao izany? 2°—, Mangataka. — une place. *Mangataka* raharaha anankiray.

SOLLICITEUR, EUSE, *s.* Mpangatatsoa.

SOLLICITUDE, *sf.* Fitandremana lehibe, fiahiana, ahiahy. On l'a soigné avec —. Notsaboina tamim-*pitandremana lehibe* izy. La — paternelle. Ny *fiahiana* ataon' ny ray. Cette affaire lui cause beaucoup de —. Mahabe *ahiahy* azy izany raharaha izany.

SOLO, *sm.* Solo.

SOLSTICE, *sm.* Fara fifanalaviran' ny masoandro amy ny ekoatora.

SOLSTICIAL, ALE, *adj.* Momba ny *solstice.*

SOLUBILITÉ, *sf.* 1° Ny fetezana ho levona. 2°—, Ny ahazoana valiana.

SOLUBLE, *adj.* 1° Mety ho levona. Le sel est — dans l'eau. *Mety ho levona* amy ny rano ny sira. 2°—, Azo valiana, misy valiny. Ce problème n'est pas —. Tsy *azo valiana*, etc., izany fanontaniana amy ny marika izany.

SOLUTION, *sf.* 1° Fihalevonana. Un sel en — dans l'eau. Sira *m halevona* amy

ny rano. 2°—, Valy. 3°—, Fahavakiana. Ce n'est qu'une contusion, il n'y a point — de continuité. Mangana fotsiny, fa tsy misy *vaky*.

SOLVABILITÉ, *sf.* Fananan-kaloa, fahaloavan-trosa.

SOLVABLE, *adj.* Manan-kaloa, mahaloa trosa.

SOMBRE, *adj.* 1° Maizimaizina, maizina, manjombona. Maison —. Trano *maizimaizina.* Nuit —. Alina *maizina.* Temps — Andro *manjombona.* Voy. Obscur. 2° *fig.* Manjonitra, manjoretra, mitan-takolaka, manjombona, malahelo. Il a l'air —. *Manjonitra, manjoretra, mitan-takolaka* izy, *manjombona* endrika, *malahelo* endrika izy.

SOMBRER, *vn.* Milentika, rendrika.

SOMMAIRE, *adj.* Fohifohy. Réponse —. Valin-teny *fohifohy.*

—, *sm.* Ventin-teny, fotopototra. Le — d'un livre. Ny *ventin-teny,* ny *fotopototry* ny boky anankiray.

SOMMAIREMENT, *adv.* Amy ny teny fohifohy.

SOMMATION, *sf.* Fampitondran-teny, teny ampitondraina. Cette place s'est rendu à la première —. Raha vao *nampitondran-teny* izany vohitra izany, dia nikoy. Réitérer les sommations. *Mampitondra teny* indray.

SOMME, *sf.* 1° Vola. Cette maison lui a coûté des sommes immenses. *Vola* be no lániny tamin' izany trano izany. 2°—, Tontaly. La — des dizaines. Ny *tontalin'* ny ampolony. 3° —, Entam-biby. Bête de —. Biby mpitondra *entana.*

Somme toute, en somme, *loc. adv.* Amy ny farany.

SOMME, *sm.* Torimaso. Il n'a fait qu'un — toute la nuit. *Torimaso* iray reny hiany ny azy halina tontolo.

SOMMEIL, *sm.* 1° Torimaso, tory, filondolondon' ny maso. Il dort d'un profond — Manao *torimaso* maty, renoky ny *torimaso* izy. Il n'a pas eu un moment de —. Tsy nahita *tory* izy na dia kely aza. Vaincre le —. Miaritra *torimaso.* J'ai —. Ta-*halory* aho izany, *milondolondo* izany ny masoko. 2° *fig.* Fatoritory.

SOMMEILLER, *vn.* 1° Rendremana, rendrehana, matoritory anakampo. 2°*fig.* Matoritory. Sa raison sommeille. *Matoritory* ny sainy.

SOMMER, *va.* Mampitondra teny.

SOMMET, *sm.* 1° Tampona. Le — d'une montagne. Ny *tampon'* ny tendrombohitra anankiray. 2°—, Tendro. Le — d'un angle. Ny *tendron'* ny zoro anankiray. 3° *fig.* Tampona, fanaperana. Il est arrivé au — de la gloire. Tonga amy ny *tampon'* ny voninahitra, amy ny *fanaperana* anarana izy.

SOMMIER, *sm.* Kidoro volon-tsoavaly, kidoro mievotra.

SOMMITÉ, *sf.* 1° Tampona, tendro, laingo. La — d'un toit. Ny *tampon'* ny tafontrano. La — d'un arbre. Ny *tendronkazo.* Ne prenez que la—de ces herbes. Aza maka afa-tsy ny *laingon'* ireo ahitra ireo. 2° *fig.* Olo-malaza. Les sommités de la science. Ny *olo-malaza* amy ny fahaizana.

SOMNAMBULE, *s.* et *adj.* Mpandehandeha matory.

SOMNAMBULISME, *sm.* Toetry ny *somnambule.*

SOMNIFÈRE, *adj.* et *sm.* Mampatory.

SOMNOLENCE, *sf.* Harendremana, filondolondon' ny maso, fatoriana andro.

SOMNOLENT, ENTE, *adj.* 1° Rendremana, milondolondo, matory andro. 2° *fig.* Matoritory, tsy marisika.

SOMPTUAIRE, *adj.* Mametra ny ho lany. Lois somptuaires. Lalána *mametra ny ho lany.*

SOMPTUEUSEMENT, *adv.* 1° Amimdrehareha. 2°—. Kanto.

SOMPTUEUX, EUSE, *adj.* 1° Mandany be, mampiseho rehareha. Il est — en habits. *Mandany be,* etc., amy ny fitafiana izy. 2°—, Kanto. Festin—. Fanasana *kanto.*

SOMPTUOSITÉ, *sf.* 1° Fandaniana be, rehareha. 2°—, Hakanto.

SON, *sm.* 1° Feo, faneno. Cet instrument rend un — agréable. Mahafinaritra ny *feo,* ny *fanenon'* io zava-maneno io. 2° —. Ampombom-barim-bazaha.

SON, SA, SES, *adj. poss.* Ny. Son père. Ny rainy. Sa patrie. Ny tanin-drazany. Ses amis. Ny sakaizany.

SONDAGE, *sm* 1° Fitsapana ny halalinan-drano, fanakaran-drano 2°—, Fitsapana, fangaronana.

SONDE, *sf.* 1° Firaka fitsapana ny halalinan-drano. 2°—, Zavatra fitsapana, bozy.

SONDER, *va.* 1° Mitsapa ny halalinandrano, manaka-drano. — un port de

mer. *Mitsapa ny halalinan-drano*, etc., amy ny soranana. —un gué. *Mitsapa ny halalinan-drano* hirobohana, manao andran-drano. 2°—, Mitsapa amy ny fitsapana, mitsapa amy ny bozy, mangarona amy ny bozy. —un terrain. *Mitsapa tany amy ny fitsapana.* —une plaie. *Mitsapa, mangarona fery amy ny bozy.* 3° *fig.* Mangaroka, misafary, misaroro, mamantatra, mandinika. —quelqu'un. *Mangaroka, misafary, misaroro, mamantatra* olona. Dieu sonde les cœurs. *Mandinika* ny ao am-po Andriamanitra.

SONDEUR, *sm.* Mpitsapa ny halalinandrano.

SONGE, *sm.* 1° Nofy. J'ai eu un—. *Nanonofy* aho. 2° *fig.* Hoatra ny nofy, ariary zato am-pandriana. La vie n'est qu'un —. *Hoatra ny nofy* hiany ny andro iainantsika. Faire de beaux songes. Manao *ariary zato am-pandriana.*

SONGE, *sf.* Saonjo, saonjomamy.

SONGE-CREUX, *sm.* Mpanao hevidravina.

SONGER, *vn.* 1° Manonofy. 2° *fig.* Mioritreritra, mandinika, mihevitra, mitandrina, mikasa. —à une affaire. *Mieritreritra, mandinika, mihevitra* raharaha anankiray. Songez à ce que vous dites. *Hevero, tandremo* izay avoaky ny vavanao. Il songe à se marier. *Mihevitra, mikasa* hanambady izy.

—, *va.* 1° Manonofy. 2° *fig.* Mihevitra. Il ne songe que combats. Tsy *mihevitra* afa-tsy ny hiady izy.

SONGEUR, *sm.* Mpanonofy.

SONNAILLER, *vn.* Mivelively lakolosy foana.

SONNANT, ANTE, *adj.* Maneno. Horloge sonnante. Famantaranandro *maneno* Soyez chez moi à midi —. Tongava aty amiko raha *maneno* ny roa amby ny folo antoandro. A l'heure sonnante. Raha *maneno* ny famantaranandro. || *loc.* Espèces sonnantes. Vola.

SONNER, *vn.* 1° Maneno. La cloche sonne. *Maneno* ny lakolosy. Midi sonne. *Maneno* ny roa amby ny folo antoandro. 2°—, Mampaneno. —de la trompette. *Mampaneno* trompetra.

—, *va.* 1° Mively, mamelona. —la cloche. *Mively*, etc., lakolosy. 2°—, Mively lakolosy, mamelona —. — la messe. *Mively, mamelona lakolosin*-damesa. 3°—, Miantso amy ny lakolosy. —un domestique. *Miantso* mpanompo amy ny lakolosy.

SONNERIE, *sf.* 1° Feon-dakolosy maro. 2°—, Ny lakolosy rehetra amy ny trano leglizy anankiray. 3°—, Fomba mampaneno famantaranandro.

SONNETTE, *sf.* Lakolosy kely, famohamandry, korintsana.

SONNEUR, *sm.* Mpively lakolosy.

SONORE, *adj.* 1° Maneno, maneno tsara, mikorintsana, mikarantsana. L'argent est —. *Maneno, mikorintsana* ny vola. Il a une voix —. *Maneno tsara, mikarantsana* ny feony. 2° —, Manako, mirohondrohona. Cette église est—. *Manako*, etc., ery ity trano leglizy ity.

SONORITÉ, *sf.* 1° Faneno, fikorintsana, fikarantsana. 2°—, Fanako, firohondrohona.

SOPHISME, *sm.* Porofo misy fandrika, porofo misy lainga tsara lahatra.

SOPHISTE, *sm.* Mpanao porofo misy fandrika, — lainga tsara lahatra.

SOPHISTICATION, *sf.* Fanaovana ankosoka.

SOPHISTIQUE, *adj.* 1° Misy fandrika, misy porofo be fandrika, misy lainga tsara lahatra. Argument —. Porofo *misy fandrika.* Livre —. Boky *misy porofo be fandrika, misy lainga tsara lahatra.* 2°—, Manao porofo be fandrika, manao porofo misy lainga tsara lahatra. Un esprit —. Olona *manao porofo be fandrika*, etc.

SOPHISTIQUER, *va.* 1° Mampiseho haranitan-tsaina be loatra. Il sophistique toutes ses pensées. *Mampiseho haranitan-tsaina be loatra* amy ny hevitra rehetra aposany izy. 2°—, Manao ankosoka. —du vin. *Manao* divay *ankosoka.*

—, *vn.* Manao porofo be fandrika, manao porofo misy lainga tsara lahatra.

SOPHISTIQUERIE, *sf.* 1° Haranitantsaina be loatra. 2°—, Fanaovana ankosoka.

SOPHISTIQUEUR, *sm.* Olona mampiseho haranitan-tsaina be loatra, mpanao porofo be fandrika, mpanao porofo misy lainga tsara lahatra.

SOPORATIF, IVE, *adj.* 1° Mampatory. Drogues soporatives. Fanafody *mampatory.* 2° *fig.* Mampatoritory.

—, *sm.* Zavatra mampatory.

SOPORIFÈRE ou **SOPORIFIQUE,** *adj.* 1° Mampatory. 2° *fig.* Mampatoritory.

tory. Discours —. Laha-teny *mampaforitory*.
—, *sm*. Zavatra mampatory.
SOPRANO, *sm*. Soprano, feo ambony amy ny hira.
SORBE, *sf*. Voan' ny *sorbier*.
SORBET, *sm*. Fisotro mangatsiaka.
SORBIER, *sm*. Karazan-kazo mamoa.
SORCELLERIE, *sf*. 1° Famosaviana, famorehana. fanaovana ody ratsy. 2° *fig*. Hakingan-tánana mahagaga.
SORCIER, IÈRE, *s*. Mpamosavy, mpamorika, mpanao ody ratsy.
SORDIDE, *adj*. Kafiry velona, mahamenatra. Avare —. Kahihitra *kafiry velona*. Avarice —. Fahihirana *mahamenatra*.
SORDIDEMENT, *adv*. Amim-pahihirana.
SORGHO, *sm*. Ampemby.
SORNETTE, *sf*. Angano, zavatra tsinontsinona. Il ne dit que des sornettes. Tsy milaza afa-tsy *angano*, etc., izy.
SORT, *sm*. 1° Vintana, vintan-dratsy, manjó, fanambinana, zara, anjara, toetra. Son — est malheureux. Ratsy *vintana* izy, loza ny *manjó* azy. Son — est heureux. Tsara *vintana, vintanina, ambinina*, manan-*jara* izy. Supporter les coups du —. Mandefitra ny *vintan-dratsy*, ny *manjó*. Je plains votre —. Mampalahelo ahy ny *vintan-dratsinao*, ny *manjó* anao. Je veux partager votre —. Te-hiombona *anjara* aminao aho, tehiray an-kasoavana sy an-karatsiana aminao aho. Cette succession améliorera son —. Hahatsara ny *toetrany* izany lova izany. 2° —, Loka. Tirer au —. *Miloka*. Le — est tombé sur lui. Izy no nahazo ny *loka*, — voan' ny *loka*. 3° —, Mosavy, vorika. Jeter un —. *Mamosavy, mamorika*.
SORTABLE, *adj*. Mifanandrify, mifanentana. Un mariage —. Fanambadiana *mifanandrify*, etc. Voy. Convenable.
SORTANT, *adj. m*. Miposaka. Le numéro —. Ny isa *miposaka*.
—, *sm*. Mpivoaka. Les entrants et les sortants. Ny mpiditra sy ny *mpivoaka*.
SORTE, *sf*. Karazana. Animaux de toutes sortes. Biby isan-*karazany*. ‖ *loc*. De cette —, de la —. Tahaka izany, — izao, — an' io. Un homme de cette —. Olona *tahaka izany*. N'agissez pas de la —. Aza manao *tahaka izany*, etc. Ceux-ci s'habillent d'une —, et ceux-là d'une autre. Ny sasany miakanjo *tahaka izany*, ary ny sasany *tahaka izao*. De quelle — faut-il le recevoir ? Atao ahoana no fandray azy, no tokony handraisana azy ?
En quelque sorte, *loc. adv*. Toy.
De sorte que, *loc. conj*. Ary noho izany, ary amin' izany, any ka. Voy. De façon que.
En sorte que, *loc. conj*. Izay.... Faites en — qu'il soit content. Ataovy *izay* mahafaly azy.
SORTIE, *sf*. 1° Fivoahana, fialana. Le malade a fait sa première —. *Nivoaka* itany ny marary. Faire sa — du port. *Miala* amy ny seranana. Payer les droits de —. Mandoa fadintseranana na haba amy ny entana *avoaka*. Les assiégés firent une vigoureuse —. *Nivoaka* taminkerim-po ny natao fahirano. Cette maison a deux sorties. Misy *fivoahana* roa io trano io. 2° *fig*. Levilevy. Faire une — contre quelqu'un. *Mandevilevy* olona.
A la sortie de, *loc. prép*. Raha mivoaka, raha mirava, raha miala, raha avy. À la — de la messe. *Raha mirava* amy ny lamesa.
SORTILÈGE, *sm*. Mosavy, famosaviana, vorika, famorehana.
SORTIR, *vn*. 1° Mivoaka, mirava, miala, mipotsaka, avy. Il est sorti de sa chambre. *Nivoaka* ny efi-tranony izy. — de la messe. *Mirava* amy ny lamesa. Il est sorti du royaume. *Niala* tao amy ny fanjakana izy. Il sort une grande chaleur de ce fourneau. Misy hafanana lehibe *mivoaka* amin' io lafaoro io. Le coup lui a fait — un œil hors de la tête. Voa izy ka *nipotsaka* ny masony anila. Il sort d'une illustre race. *Avy* amy ny fianakaviana malaza izy. Cela sort des mains d'un habile ouvrier. *Avy* amy ny mpiasa mahay itony zavatra itony. 2° —, Mipoitra, mirongatra. Les dalhias sortent de terre. *Mipoitra* ny dalia. La petite-vérole est sortie. *Nipoitra, nirongatra* ny nendra. 3° *fig*. Miala, mivily, afaka. — de l'hiver. *Miala* amy ny ririnina. — du collège. *Miala* amy ny kolejy. — d'erreur. *Miala* amy ny hadisoan-kevitra. Il est sorti de la question. *Nivily* tamy ny zavatra nodinihina izy. Il est sorti d'un mauvais pas. *Afaka* amy ny fahasahiranana lehibe izy. ‖ *loc*. — de nourrice. Mitsaha-nono. — de la vie. Maty. — de la mémoire. Hadino.
—, *va*. Mamoaka, mandoatra. Sortez le cheval. *Avoahy* ny soavaly. — du riz du silo. *Mandoa*-bary an-davaka.

Au sortir de, *loc. prép.* Raha mivoaka, raha mirava, raha miala, raha avy. Au —de table. *Raha avy* homana.

SORTIR, *va.* Cette sentence sortira son plein effet. Ho tanteraka indrindra izany teny fitsarana izany.

SOT, SOTTE, *adj.* 1° Adala, ketrina. Je ne le croyais pas si—. Tsy nampoizi-ko ho *adala*, etc., tahaka izany izy. Un —projet. Fikasana *adala*. 2°—, Sanganehana, safotra. Le voilà tout—. Indro izy fa *sanganehana*, etc.

—, *s.* Olona adala, olona ketrina.

SOTTEMENT, *adv.* Amin-kadalana.

SOTTISE, *sf.* 1° Hadalana. 2°—, Zavatra vetaveta, teny fanevatevana.

SOU, *sm.* 1° Farantsa kely varahina mitovy amy ny varifitoventy. 2° *fig.* N'avoir pas le—. Tsy manam-bariraiventy.

Sou à sou, *loc. adv.* Tsipotipotika.

SOUBASSEMENT, *sm.* Vody rindrina.

SOUBRESAUT, *sm.* 1° Fiantsambora-na, fihendratrendratana. Ce cheval fait des soubresauts. *Miantsambotsambotra* io soavaly io. Avoir des soubresauts durant le sommeil. *Mihendratrendratra* raha matory. 2° *fig.* Fahatairana, fientanan'ny fo. Cette nouvelle m'a donné un—. *Nahataitra* ahy, *nampientana ny foko* izany zava-baovao izany.

SOUCHE, *sf.* 1° Vody tronga. Ces souches ont repoussé. Naniry indray ireo *vody tronga* ireo. 2° *fig.* Olona taraiky velona. C'est une vraie—. Tena *taraiky velona* izy. 3°—, Fototra, ihaviana. Il a été la—de plusieurs grandes familles. Izy no *fototra*, *nihiavian'* ny fianakaviana malaza maro.

SOUCI, *sm.* 1° Fiahiana, ahiahy. Cet enfant est mon—. *Ahiko* io zazalahy io. Il vit sans —. Tsy manana *ahiahy* izy. 2° —, Anaram-boninkazo vonivony.

SOUCIER (SE), *vpr.* Miahy, manana ahiahy, manana eritreritra, tsapa, mampaninona, ahoana. Il ne se soucie de rien. Tsy *miahy* na inona na inona, tsy *manana ahiahy*, —*eritreritra* na amin' inona na amin' inona izy. Il se soucie peu de ses amis. Tsy *tsapany* akory ny sakaizany. Faites ce qu'il vous plaira, je ne m'en soucie guère. Ataovy izay sitrakao, fa tsy *mampaninona* ahy, tsy *ahoako*.

SOUCIEUX, EUSE, *adj.* Manana ahiahy. Il a l'air—. Mitarehin'olona *manana ahiahy* izy.

SOUCOUPE, *sf.* Tasin-kafe.

SOUDAIN, AINE, *adj.* Tampoka.

Soudain, *adv.* Tampoka.

SOUDAINEMENT, *adv.* Tampoka.

SOUDAINETÉ, *sf.* Hatampoka.

SOUDER, *va.* Maningina.

Se souder, *vpr.* Tsinginana, mitsingina, mikambana.

SOUDOIR, *sm.* Fikasihana.

SOUDOYER, *va.* Manisika vola.

SOUDURE, *sf.* 1° Tsingina. 2°—, Faninginana.

SOUFFLE, *sm.* 1° Fitsofana, fofon'aina, tso-drivotra, fifofofofo. On le renverserait d'un —. Olona azo *tsofina* izy. Le — ne suffit pas pour éteindre cette torche. Ny *fofon' aina* tsy ampy hahafaty io fanilo io. Retenir son —. Mihazona *fofon' aina*. Il ne fait pas un — de vent. Tsy misy *tsotso-drivotra* na dia kely aza. Le — impétueux des vents. Ny *fifofofofon'* ny rivotra. 2° *fig.* Hery. Le — de l'orgueil. Ny *herin'* ny fiavonavonana.

SOUFFLER, *vn.* 1° Mitsoka, mamofona fofon'aina, mifofotra, mifofofofo. Il lui souffla dans l'œil. *Nitsoha* ny masony izy. —dans ses doigts. *Mamofona fofon' aina* amy ny rantsan-tànany. — dans une trompette. *Mitsoha* trompetra. Le vent souffle. *Mifofofofo* ny rivotra. 2°—, Misanehaka, maka aina. Il souffle comme un bœuf. *Misanehaka* mafy ery izy. Laisser — des chevaux. Mamela soavaly *haka aina*.

—, *va.* 1° Mitsoka, mifofotra. —le feu. *Mitsoha* afo. — une chandelle. *Mitsoka* jiro. —l'orgue. *Mifofotra* organa. 2° *fig.* Manoro malemilemy. Il lui souffle sa leçon. *Manoro* azy *malemilemy* ny lesony izy. 3°—, Mamelona. —la discorde. *Mamelona* tsy fifanarahana.

SOUFFLERIE, *sf.* Ny tafoforan' ny organa.

SOUFFLET, *sm.* 1° Tafoforana. 2°—, Tahamaina. 3° *fig.* Fanesoana, fahavoazana. Il a reçu un rude—. *Nesoina*, *voa* mafy izy.

SOUFFLETER, *va.* Mamely tahamaina.

SOUFFLEUR, EUSE, *s.* 1° Mpifofotra. — d'orgues. *Mpifofotra* organa. 2°—, Mpisanehaka. 3° *fig.* Mpanoro malemilemy amy ny teatra.

SOUFFRANCE, *sf.* 1° Fijaliana, fahoriana. Les souffrances des martyrs. Ny *fijalian'* ny martiry. Il vit dans la —. *Mijaly*, *ory* izy. 2°—, Tsy fandrosoana,

hasamosy. Cette affaire est en —. *Tsy mandroso, samosy* izany raharaha izany.

SOUFFRANT, ANTE, *adj.* 1° Mijaly, marary. L'Église souffrante. Ny Eglizy *mijaly*. Je suis — aujourd'hui. *Marary* aho anio. Il a le visage d'un homme —. Miendrik' olo-*marary* izy. 2°—, Mandefitra. Il n'est pas d'une humeur souffrante. Tsy *mahalefitra* izy.

SOUFFRE-DOULEUR, *sm.* 1° Olona atoto vato atoto hazo. 2°—, Olona filalaon' ny namany.

SOUFFRETEUX, EUSE, *adj.* 1° Oriory. Vieillard —. Lahiantitra *oriory*. 2°—, Mararirary, marisarisa. Sa fille est souffreteuse. *Mararirary*, etc., ny zanany vavy.

SOUFFRIR, *vn.* 1° Mijaly, marary, mandraiki-marary. Il souffre cruellement. *Mijaly* mafy izy. Il souffre de la tête. *Marary* an-doha izy. Il souffre du froid. *Mandraiki-mararin'* ny hatsiaka izy. Il souffre de la faim. *Mandraiki-mararin'* ny hanoanana izy. 2° —, Miaritra, mihafy, mandefitra. Il ne sait pas —. Tsy mahay *miaritra*, etc., izy. 3°—, Malahelo, ory, maty antoka, simba. Il souffre de vos caprices. *Malahelo* amy ny haitraitranao izy. Les enfants souffrent des divisions de leurs parents. *Ory* ny ankizy madinika raha mikitrana ny ray aman-dreniny. — dans son commerce. *Maty antoka* amy ny varotra. Les blés ont souffert. *Simba* ny varim-bazaha.

—, *va.* 1° Miaritra, mihafy, mandefitra. — la faim. *Miaritra*, etc., ny hanoanana. 2°—, Mahatoha, mahazaka, tsy misakana, manarana, mamela. Je ne saurais — le soleil. Tsy *tohako* ny hainandro. Je ne le saurais —. Tsy *zakako* izy. Il souffre tout à ses enfants. *Tsy misakana* na inona na inona izay ataon' ny zanany izy, *manaran*-janaka izy. Souffrez que je parte. *Avelao* aho handeha. 3°—, Azo, tratra, misy. — une tempête. *Azo, tratry* ny tafio-drivotra. Cette affaire ne souffre aucun retard. Tsy *azo* ahemotra na dia kely aza izany raharaha izany. Cela ne souffre pas de doute. Tsy *misy* isalasalana izany.

SOUFRAGE, *sm.* Fanisiana solifara.

SOUFRE, *sm.* Solifara.

SOUFRER, *va.* Manisy solifara. — des allumettes. *Manisy solifara* ny tahon' afokasoka.

SOUHAIT, *sm.* 1° Faniriana. 2°—, Fiarahabana, arahaba.

À souhait, *loc. adv.* Araka izay irina. Il a tout à —. Mahazo ny zavatra rehetra *araka izay irina* izy.

SOUHAITABLE, *adj.* Tokony hirina, faniry. Comme DÉSIRABLE.

SOUHAITER, *va.* 1° Maniry. — des honneurs. *Maniry* voninahitra. 2°—, Miarahaba, mampanao veloma. — le bonjour. *Miarahaba* maraina, etc. — la bonne année. *Miarahaba* amy ny taombaovao.

SOUILLER, *va.* 1° Mandoto. 2° *fig.* Mandoto, manala baráka. Le péché souille l'âme. *Mandoto* ny fanahy ny fahotana. — sa réputation. *Manala bará*-tena. Voy. SALIR.

Se souiller, *vpr.* Manala bará-tena.

SOUILLURE, *sf.* 1° Loto. 2° *fig.* Loto, fanalam-baráka.

SOÛL, SOÛLE, *adj.* 1° Mamo, doroka. Il est toujours —. *Mamo* lava, *doro*-dava izy. 2°—, Tofoka, boboka. Il est — de cailles. *Tofoka*, etc., papelika izy.

—, *sm.* Araka izay tiana. Il a mangé son — de viande. Nihinan-kena *araka izay tiany* izy.

SOULAGEMENT, *sm.* Fanamaivanana, hamaivanana.

SOULAGER, *va.* 1° Manamaivana entana. Il faut — ce mulet. Tokony *hohamaivanina* ny *entan'* io ramole io. 2°—, Mahamaivana, manamaivana fahorian' olona. Ce remède l'a soulagé. *Nahamaivana* azy iny fanafody iny. — les malheureux. *Manamaivana* ny *fahorian'* ny olo-mahantra.

Se soulager, *vpr.* Mahamaivana ny raharahany, mihamaivana.

SOÛLER, *va.* 1° Mahamamo, mampimamo, mahadoroka, mampidoroka. Voy. ENIVRER. 2°—, Mampiletra. On l'a soûlé de poisson. *Nampilerina* hazandrano izy.

Se soûler, *vpr.* 1° Mimamo, midoroka. 2°—, Miletra.

SOULÈVEMENT, *sm.* 1° Fisondrotana, fisamboaravoara. Cela me donna un — de cœur. *Nampisondrotsondrotra* ny ambavafóko izany. Le — des flots. Ny *fisamboaravoaran'* ny onjan-dranomasina. 2° *fig.* Fikomiana, fiodinana, Exciter un —. *Mampikomy, mampiodina*. 3°—, Hatezerana. Son discours causa un — général. *Nahatezitra* ny bo sy ny maro ny laha-teny nataony.

SOULEVER, *va.* 1° Manainga, manentana, mambata, manonjona, mampisondrotra, mampisamboaravoara. Ce fardeau est si pesant, qu'on a peine à le —. Mavesatra loatra io entana io, ka saika tsy azo *aingaina, entanina, bataina, onjonina*. Soulevez le malade, *Aingao, entano, batao* ny marary. La tempête soulève les flots. Ny tafio-drivotra *mampisamboaravoara* ny onjan-dranomasina. 2° *fig.* Mampikomy, mampiodina. — une ville. *Mampikomy*, etc., tanána anankiray. 3°—, Mahatezitra. 4°—, Manetsika. Ne soulevez pas cette question. Aza *manetsika* izany zavatra izany.

—, *vn.* Misondrotra. Cela fait — le cœur. *Mampisondrotra* ny ambavafó izany.

Se soulever, *vpr.* 1° Miainga, misamboaravoara. Il ne peut se —. Tsy afa-*mainga* izy. 2° *fig.* Mikomy, miodina. 3°—, Tezitra, misondrotra. Tout mon sang se soulève à cette pensée. *Misondrotra* ny rako raha mihevitra izany aho.

SOULIER, *sm.* 1° Kiraro. Porter des souliers. *Mikiraro*. 2° *fig.* Être dans ses petits souliers. Sanganehana, sahirana.

SOULIGNER, *va.* Manisy tsipika eo ambanin' ny teny.

SOUMETTRE, *va.* 1° Mampanaiky, mampanoa, mampanjohy. —les rebelles. *Mampanaiky* ny mpikomy. —une province étrangère. *Mampanaiky, mampanoa* fari-tany hafa. Je soumets dans cette affaire mes idées aux vôtres. *Manjohy* ambanin' ny anao ny ahy amin' izany raharaha izany. 2°—, Manolotra, mitondra. Je lui soumettrai votre demande. *Hatolotro* azy ny fangatahanao. Ce projet fut soumis à l'examen d'une commission. *Nentina* hodinihin' ny fivoriana anankiray izany zavatra kasaina hatao izany.

Se soumettre, *vpr.* Manaiky, manoa, manjohy.

SOUMIS, ISE, *p.* et *adj.* 1° Nampanaikena, manaiky, nampanoavina, manoa. Fils—. Zanaka *manaiky*. 2°—, Natolotra, nentina.

SOUMISSION, *sf.* 1° Fanaikena, fanoavana. L'ennemi a fait sa—. *Nanaiky, nanoa* ny fahavalo. 2°—, Fanaikena mba hiantoka. Il a donné sa — pour la fourniture de l'armée. Nanolo'ra *fanekena mba hiantoka* izay ilain' ny miaramila izy.

SOUMISSIONNAIRE, *sm.* Mpanolotra fanekena mba hiantoka.

SOUMISSIONNER, *va.* Manolotra fanekena mba hiantoka.

SOUPAPE, *sf.* Leda.

SOUPÇON, *sm.* 1° Fiahiahiana, ahiahy. Le—tombe sur lui. Izy no *ahiahina*. Ce n'est pas une certitude, ce n'est qu'un —. Tsy fantatra marina izany, fa *ahiahy* foana. 2°—, Zavatra kely foana. Il a un—de fièvre. Manavy *kely foana* izy. Prenez un — de lait. Misotroa ronono *kely foana*.

SOUPÇONNABLE, *adj.* Azo ahiahina.

SOUPÇONNER, *va.* Miahiahy, manana ahiahy, mahimahina, marimarika. Je le soupçonne de vol. *Ahiahiko* ho nangalatra izy, *manana ahiahy, mahimahina, marimarika* aminy aho fa nangalatra izy.

SOUPÇONNEUX, EUSE, *adj.* Miahiahy, manana ahiahy, mahimahina, marimarika, saro-piaro. Epoux —. Lehilahy *miahiahy, saro-piaro* ny vadiny.

SOUPE, *sf.* 1° Lasopy. 2°—, Mofo atao lasopy. Tailler la —. Mitetika *mofo atao lasopy*.

SOUPENTE, *sf.* Toeram-bary.

SOUPER, *vn.* Mihinana hariva.

SOUPER ou **SOUPÉ,** *sm.* Fihinanana hariva.

SOUPESER, *va.* Manentan-javatra ha hitana ny havesarany.

SOUPIÈRE, *sf.* Fitoeran-dasopy.

SOUPIR, *sm.* 1° Sentosento. ‖ *loc.* Rendre le dernier —. Miala aina. Jusqu'au dernier —. Ambara-pahafaty. 2°—, Faniriana, firitana aina.

SOUPIRAIL, *sm.* Hirika amy ny vody rindrina.

SOUPIRER, *vn.* 1° Misentosento. 2°—, Maniry, miritra aina. Il y a longtemps qu' il soupirait après cette place. Ela dia ela no *naniriany* izany raharaha izany. — après sa mère. *Miritra aina* ta-hahita an-dreniny.

SOUPLE, *adj.* 1° Mora alefitra, mora milefitra, malefolefo, malefaka. Branche —. Rantsan-kazo *mora alefitra*, etc. Il a les reins souples. *Malefaka* ny valahany. 2° *fig.* Mora manaiky, manaraka ambokony. Enfant —. Zazalahy *mora manaiky*. Il est — comme un gant. *Manaraka ambokony* toa menaka izy.

SOUPLESSE, *sf.* 1° Halefolefo, halefaka. 2° *fig.* Fanekena, fanarahana ambokony.

SOURCE, *sf.* 1° Loharano, loha. —lim-

pide. *Loharano* mangalahala. Remonter une rivière jusqu'à sa —. Miorika ny renirano hatrany an-*dohany*. 2° *fig.* Loharano, ihaviana, fototra. Ce pays est une — de métaux précieux. Izany tany izany dia *loharano*, *ihavian'* ny metaly saro-bidy. Les sources de la grâce. Ny *loharanom*-pahasoavana. Le travail est une — de richesses. Ny asa no *loharano*, etc., ny harena. 3° —, Boky. Cet historien a puisé dans les meilleures sources. *Boky* mahatoky loatra no nakan'izany mpitantara izany.

SOURCIL, *sm.* 1° Manjamaso. 2° *fig.* Froncer le —. Miketron-kandrina.

SOURCILLER, *vn.* Mihetsi-bolomaso, miraika, mioly. Il écouta ces reproches sans —. Tsy *nihetsi-bolomaso*, etc., akory izy raha nahare izany fandevilevena izany.

SOURCILLEUX, EUSE, *adj.* Avoir un front —. Manjonitra, mianjonanjona.

SOURD, SOURDE, *adj.* 1° Marenina, donto. Personne sourde. Olona *marenina, donto.* Faire le —. Mody *marenina, donto.* 2° —, Tsy manàko, misamonomonona, mimonomonona, mibobobobo, mangotsokotsoka. Cette église est sourde. *Tsy manàko* ity trano leglizy ity. Voix sourde. Feo *misamonomonona, mimonomonona.* Bruit —. Feon-javatra *mibobobobo.* Douleur sourde. Aretina *mangotsokotsoka,* fangotsokotsohana. 3° *fig.* Donto, mafy sofina, mamono sofina. manentsin-tadiny. Il est — aux remontrances. *Donto,* etc., izy raha anarina. Il est — aux prières. *Mamono sofina, manentsin-tadiny* izy raha angatahan-javatra. 4° —, Mangingina, an-tsokosoko. Des menées sourdes. Famoronan-tsain-dratsy *mangingina,* etc.

—, *s.* Olo-marenina. Crier comme un —. Midradradradra hoatra ny *marenina.*

SOURDAUD, AUDE, *adj.* Lalodalovana, marenindrenina.

SOURDEMENT, *adv.* 1° Misamonomonona, mibobobobo. Le tonnerre grondait —. Re *nisamonomonona* ny kotrokaratra. 2° *fig.* Mangingina, an-tsokosoko.

SOURDINE, *sf.* Fanalemem-peo amy ny zava-maneno.

À la sourdine, *loc. adv.* Mangingina, an-takona, an-tsokosoko.

SOURD-MUET, SOURDE-MUETTE, *s.* Olona sady moana no marenina.

SOURDRE, *vn.* Miboiboika. L'eau sourd du rocher. *Miboiboika* avy amy ny vatolampy ny rano.

SOURICEAU, *sm.* Zana-totozy.

SOURICIÈRE, *sf.* Tontan-totozy.

SOURIRE, *vn.* 1° Mitsiky, mivanivany. Il vint au-devant de moi en souriant. *Nitsikitsiky* nitsena ahy izy. Il souriait de mon embarras. *Nivanivany* izy nahita ahy sahirana. 2° *fig.* Mahafinaritra. Cette campagne me sourit. *Mahafinaritra* ahy ity saha ity.

SOURIRE et **SOURIS,** *sm.* Fitsikiana, fivanivaniana.

SOURIS, *sf.* Totozy.

SOURNOIS, OISE, *adj.* Manafin-kevitra, manao an-kifonofono, manao ampo.

SOUS, *prép.* 1° Ambany, anaty. S'asseoir — un arbre. Mipetraka ao *ambany* foto-kazo anankiray. Porter quelque chose — le manteau. Misakobon-javatra ao *anaty* kapaoty. 2° *fig.* Fehezina, fehy, manaraka, ambany, amy, tamy ny andro. Il a cent hommes — lui. Zato lahy no *fehezíny, fehiny.* Ceux qui ont vécu — la loi de Moïse. Izay *nanaraka* ny lalány Moizy. Ils sont — la protection d'une illustre nation. Ao *ambany* fiarovan'ny fanjakana malaza izy ireo. Il a étudié — un habile maître. Nianatra *tamy* ny mpampianatra mahay izy. Il vivait — S[t] Louis. Velona *tamy ny androny* Md. Louis izy. ‖ *loc.* Être — la protection de quelqu'un. Arovan' olona. Être — les drapeaux. Manao fanompoan' ny miaramila. Être — clef. Mihidy, voahidy.

SOUS-AFFERMER, *va.* Mampanofa ny nohofana, manofa amy ny mpanofa.

SOUS-AMENDEMENT, *sm.* Fanitsiana indray ny zavatra nahitsy tamy ny lalàna anankiray.

SOUS-AMENDER, *va.* Manitsy indray ny zavatra nahitsy tamy ny lalàna anankiray.

SOUS-BAIL, *sm.* Fampanofana ny nohofana.

SOUS-BIBLIOTHÉCAIRE, *sm.* Lefitry ny mpitandrina ny trano fanangonam-boky.

SOUSCRIPTEUR, *sm.* 1° Mpanisy sonia. 2° —, Mpandatsaka anarana.

SOUSCRIPTION, *sf.* 1° Fanisian-tsonia. 2° —, Fandatsahana anarana.

SOUSCRIRE, *va.* Manisy sonia. — une

lettre de change. *Manisy* sonia ny taratasy vola.

—, *vn.* 1° Mandatsaka anarana mba handoa vola na hividy boky. Il a souscrit pour la construction de l'hôpital. *Nandatsaka anarana mba handoa vola* amy ny fanorenana ny trano fitsaboana izy. Je souscrirai pour ce livre. *Handatsaka anarana mba hividy* izany boky izany aho. 2°—, Manaiky. Je souscris à tout ce que vous dites. *Ekeko* izay rehetra lazainao.

SOUS-DIACRE, *sm.* Ny manarakaraka ny diakra.

SOUS-DIRECTEUR,TRICE, *s.* Lefitry ny *directeur* na ny *directrice.*

SOUS-ENTENDRE, *va.* Tsy milaza zavatra fantatra rahateo.

SOUS-ENTENDU, UE, *p.* et *sm.* Tsy voalaza nefa fantatra rahateo. Il y a un mot—. Misy teny *tsy voalaza nefa fantatra rahateo.*

SOUS-ENTENTE, *sf.* Teny afenina.

SOUS-FERME, *sf.* Fampanofana ny nohofana. Donner une terre à—. *Mampanofa* tany *nohofana.*

SOUS-FERMIER, IÈRE, *s.* Mpanofa amy ny mpanofa.

SOUS-FRÉTER, *va.* Mampanofa sambo nohofana.

SOUS-LIEUTENANT, *sm.* Manamboninahitra manarakaraka ny lefitry ny kapiteny.

SOUS-LOCATAIRE, *sm.* Mpanofa trano amy ny mpanofa.

SOUS-MAIN, *sm.* Zavatra atao lafika hanoratana.

SOUS-MAÎTRE, TRESSE, *s.* Mpanampy ny mpampianatra,

SOUS-MARIN, INE, *adj.* Ambanin' ny ranomasina, anatin' ny ranomasina. Volcan—. Volkano *ambanin' ny ranomasina.* Navigation sous-marine. Fandehanana an-tsambo any *analy ranomasina.*

SOUS-MULTIPLE, *adj.* et *sm.* Isa mahalany zara ny isa hafa. 3 est un des sous-multiples de 12. Ny 3 dia *isa* anankiray *mahalany zara* ny 12.

SOUS-OFFICIER, *sm.* Ireo manamboninahitra ambanin' ny *sous-lieutenant.*

SOUS-ORDRE, *sm.* Olom-pehezina, kofehy manara-panjaitra.

En sous-ordre, *loc. adv.* Fehezina, kofehy manara-panjaitra. Il n'est qu'en— dans cette affaire. *Olom-pehezina,* etc., fotsiny hiany izy amin' izany raharaha izany.

SOUS-PIED, *sm.* Fihazonan-gety na pataloha misadika any ambany faladia.

SOUS-PRÉFECTURE, *sf.* Fari-tany fehezin' ny *sous-préfet*; raharahan' ny *sous-préfet*; tranon' ny *sous-préfet.*

SOUS-PRÉFET, *sm.* Lehibe mifehy ny *arrondissement* ary fehezin' ny *préfet.*

SOUS-SECRÉTAIRE, *sm.* Lefitry ny *secrétaire.*

SOUS-SEING-PRIVÉ, *sm.* Fanekena vita sonia nefa tsy natrehin' ny mpanao raharaham-panjakana.

SOUSSIGNÉ, ÉE, *adj.* et *s.* Nanisy sonia.

SOUSTRACTION, *sf.* 1° Fanesorana. 2°—, Fangalana.

SOUSTRAIRE, *va.* 1° Manaisotra Il a soustrait des effets considérables de la succession. *Nanaisotra* zavatra betsaka tamy ny lova izy. 2°—, Manafaka. — un ami au désespoir. *Manafaka* sakaiza amy ny famoizam-po. 3°—, Manala.

Se soustraire, *vpr.* Manafa-tena Se — au châtiment. *Manafa-tena* amy ny famaizana.

SOUS-VENTRIÈRE, *sf.* Anja-koditra miraikitra amy ny tanan-kalesy ka misadika amy ny kibon-tsoavaly, fehikibon-tsoavaly.

SOUTANE, *sf.* Akanjo rebareba fanaon' ny pretra.

SOUTANELLE, *sf.* *Soutane* fohy.

SOUTE, *sf.* Mangazay amy ny lakalin-tsambo.

SOUTENABLE, *adj.* 1° Azo hamarinina. Cette opinion n'est pas —. Tsy azo *hamarinina* izany hevitra izany. 2°—, Zaka. Ce genre de vie n'est pas —. Tsy *zaka* mihitsy ny toy izao.

SOUTÈNEMENT, *sm.* Tohana. Mur de —. Rarivato atao *tohana.*

SOUTENIR, *va.* 1° Manohana. Cette colonne soutient le bâtiment. *Manohana* ny trano io andry io. — une famille. *Manohantohana* ny fianakaviana anankiray. — un Etat. *Manohana* fanjakana. 2°—, Manampy, mamelona, mitahiry, manatanjaka, mampahatanjaka. — une troupe. *Manampy* miaramila. — la conversation. *Mamelon*-dresaka. — sa réputation. *Mitahiry* ny lazany. — le courage de quelqu'un. *Manatanjaka* ny

herim-pon' olona. La bonne nourriture soutient. Ny hanina tsara *mampahatanjaka*. 3°—, Mahatóha, mahatohitra, manohitra, mandefitra, maharitra. Il soutint l'assaut des ennemis. *Nahatoha, nahatohitra* ny herin' ny fahavalo namely azy izy. Les arbres n'ont pu — la force du vent. Ny hazo tsy *nahatohitra* ny herin' ny rivotra. Il a soutenu ce revers avec un grand courage. *Nahazaka, nandefitra, naharitra* izany fahoriana izany tamin-kerim-po lehibe izy. 4°—, Milaza marina, manamarina, manaporofo. Il soutient l'avoir vu. *Milaza marina* izy fa nahita izany. — un mensonge. *Manamarin*-dainga. — le pour et le contre. *Manamarina, manaporofo* zavatra mifanohitra.

Se soutenir, *vpr.* 1° Mitsangana, mijoro. Il a peine à se—. Mananosarotra izy raha *mitsangana*, etc. 2°—, Mitahiry tena, tsy miova hatsarana. Cette personne se soutient bien. *Mitahiry tena* tsara io olona io. Ce discours se soutient bien. *Tsy miova hatsarana* izany lahateny izany. 3°—, Mifanohana, mifanampy.

SOUTENU, UE, *adj.* 1° Maharitra, tsy miova. 2°—, Mendrika. Style—. Lahateny *mendrika*.

SOUTERRAIN, AINE, *adj.* Anaty tany, avy any anaty tany. Passage—. Lálana any *anaty tany*. Feux souterrains. Afo *avy any anaty tany*.

—, *sm.* Zohy.

SOUTIEN, *sm.* Tohana. Il est le—de sa famille. Izy no *tohan'* ny fianakaviany.

SOUTIRAGE, *sm.* Famindran-divay amy ny barika hafa.

SOUTIRER, *va.* 1° Mamindra divay amy ny barika hafa. 2° *fig.* Mikapa, mijijy. Cet homme lui a soutiré beaucoup d'argent. *Nokapaina, nojijina,* notsihifin' io lehilahy io volabe izy.

SOUVENANCE, *sf.* Fahatsiarovana, fahatadidiana.

SOUVENIR (SE), *vpr.* Mahatsiaro, mahatadidy, mahatsiahy. Je ne m'en souviens guère. Tsy *tsaroako*, tsy *tadidiko* loatra izany. Seigneur, ne vous souvenez point de nos offenses. Tompo ô, aza *mahatsiaro, mahatsiahy* ny fahotanay. Souvenez-vous de mon affaire. *Tsarovy, tadidio, tsahivo* ilay raharahako.

SOUVENIR, *sm.* Fahatsiarovana, fahatadidiana, fahatsiahivana. Vous serez toujours dans mon—. *Hotsaroako, hotsahiviko* mandrakariva hianao. Cette bague sera pour vous un—de mon amitié. Ity peratra ity no ho *fahatsiarovana* ny fitiavako anao.

SOUVENT, *adv.* Matetika, mazána. Comme FRÉQUEMMENT.

SOUVERAIN, AINE, *adj.* Ambony indrindra, lehibe —. Le —bonheur. Ny hasambarana *ambony indrindra*, etc. La puissance souveraine. Ny fahefana *ambony indrindra*.

—, *s.* Mpanjaka, andriamanjaka, andriana. Il faut obéir au —. Tsy maintsy hekena ny *mpanjaka*, etc.

—, *sm.* Farantsa volamena englisy mitovy amy ny ariary dimy.

SOUVERAINEMENT, *adv.* 1° Indrindra. Dieu est— bon. Andriamanitra no soa *indrindra*. 2°—, Amy ny fahefana lehibe indrindra. Commander—. Mandidy *amy ny fahefana lehibe indrindra*.

SOUVERAINETÉ, *sf.* Fahefan' ny mpanjaka, ny mahampanjaka.

SOYEUX, EUSE, *adj.* 1° Tsara lasoa. Satin—. Parasily *tsara lasoa*. 2°—, Hoatra ny lasoa, rano. Fil —. Taretra *hoatra ny lasoa*. Cheveux —. Volo *rano*.

SPACIEUSEMENT, *adv.* An-kalalahana. Il est logé—. *Malalaka* ny trano itoerany.

SPACIEUX, EUSE, *adj.* Malalaka.

SPADASSIN, *sm.* Mpiady sabatra, tia ady sabatra.

SPAHI, *sm.* Miaramila arabo mpitaingin-tsoavaly.

SPASME, *sm.* Fifanintontsintonana, fihendratrendratana. Voy. CONVULSION, SOUBRESAUT.

SPASMODIQUE, *adj.* Mifanintontsintona, mihendratrendratra.

SPATULE, *sf.* Antsy fangaroan-doko na fanafody.

SPÉCIAL, ALE, *adj.* Ho azy irery, manokana, indrindra. Il a obtenu une autorisation spéciale. Nahazo lálana *ho azy irery, manokana* izy. Il a fait sur cette matière des études spéciales. Nianatra izany *indrindra* izy. Voy. PARTICULIER.

SPÉCIALEMENT, *adv.* Indrindra.

SPÉCIALISER, *va.* Milaza tsirairay.

SPÉCIALISTE, *sm.* et *adj.* Mahay indrindra amy ny zavatra anankiray. Médecin —. Dokotera *mahay mitsabo in-*

drindra amy ny arelina anankiray.

SPÉCIALITÉ, *sf.* Zavatra anankiray hay indrindra.

SPÉCIEUSEMENT, *adv.* Toa marina.

SPÉCIEUX, EUSE, *adj.* Miseho toa marina, manodóka. Ce raisonnement est —. *Miseho toa marina*, etc., izany porofo izany.

SPÉCIFICATION, *sf.* Filazana tsirairay.

SPÉCIFIER, *va.* Milaza tsirairay. Spécifiez les lieux où le combat a eu lieu. *Lazao tsirairay* avy ny fitoerana niadiana.

SPÉCIFIQUE, *adj.* Manokana, mahomby indrindra.

—, *sm.* Fanafody mahomby indrindra. La quinine est un — contre la fièvre. Ny kinina no fanafody *mahomby indrindra* amy ny tazo.

SPÉCIFIQUEMENT, *adv.* Indrindra.

SPÉCIMEN, *sm.* Marika, santininy. Il m'a envoyé un — de son livre. Efa nampitondra tamiko ny *marika*, ny *santinin'* ny bokiny izy.

SPECTACLE, *sm.* 1° Zavatra mahatehijery, — mahate-hizaha, fahitana, fijerena, fizahana. L'entrée du souverain fut un magnifique —. *Zavatra mahatehijery, mahate-hizaha* loatra ny niakaran' ny andriana. Les feux d'artifice sont des spectacles agréables au peuple. Mahafinaritra ny vahoaka ny *mahita*, ny *mijery*, ny *mizaha* ny kilalaom-banja. Il est en — à tout le monde. *Fijery, fizahan'* ny olona rehetra izy. 2°—, Teatra.

SPECTATEUR, TRICE, *s.* Mpahita, mpijery, mpizaha. Il a été — de ces évènements. Izy *nahita* ireo zavatra niseho ireo. Il y avait beaucoup de spectateurs à cette revue. Be ny *mpijery*, ny *mpizaha* tamin' io matso io.

SPECTRE, *sm.* 1° Matoatoa, kinaoly, lolovokatra. 2° *fig.* Olona mahia mieozozo, kinaoly.

SPÉCULATEUR, *sm.* Mpandinika na mpanao izay hahazoan-tombony amy ny banky na amy ny varotra.

SPÉCULATIF, IVE, *adj.* Mandinika fotsiny hiany, misy fandinihana fotsiny hiany. C'est un esprit —. Olona *mandinika fotsiny hiany* izy. Son ouvrage est purement —. *Misy fandinihana fotsiny hiany* ny bokiny.

SPÉCULATION, *sf.* 1° Fandinihana. Il n'entend rien aux spéculations de la politique. Tsy mahomby velively izy raha *mandinika* ny momba ny politika. Cela est bon dans la —, et ne vaut rien dans la pratique. Tsara izany raha *dinihina*, fa tsy mahomby raha tanterahina. 2°—, Fandinihana na raharaha atao hahazoan-tombony. Ses spéculations lui ont réussi. Nampahazo tombony azy ny *raharaha nataony*.

SPÉCULER, *vn.* 1° Mandinika. 2°—, Mandinika na manao izay hahazoan-tombony amy ny banky na amy ny varotra.

SPHÈRE, *sf.* 1° Kiboriborv, boribory, giloby, sfera. Le centre d'une —. Ny afovoan' ny *kiboribory*, etc. 2°—, Habakabaka hodidinin' ny planeta anankiray. Saturne parcourt sa — en trente années. Telopolo taona Saturna vao *mahodidina ny habakabaka falehany*. 3° *fig.* Raharaha, toetra, kototany. Cela est hors de sa —. Tsy *raharahany* izany. Sa — d'activité s'étend à toutes sortes d'objets. Manao *raharaha* maro karazana izy. Il sort de sa—. Manao izay tsy *raharahany*, izay tsy araka ny *toetrany* izy. Etendre la — des connaissances humaines. Manitatra ny *kototanim*-pahaizan' ny olona.

SPHÉRICITÉ, *sf.* Haboribory. La—de la terre. Ny *haboriborin'* ny tany.

SPHÉRIQUE, *adj.* Boribory, hoatra ny giloby.

SPHÉRIQUEMENT, *adv.* Hoatra ny giloby.

SPHINX, *sm.* 1° Karazan' Itrimobe. 2°—, Lolobe, samoimboatavo.

SPIRAL, ALE, *adj.* Mitambolimbolina.

—, *sm.* Volokelim-pamantaranandro.

SPIRALE, *sf.* Zavatra mitambolimbolina. En—. *Mitambolimbolina*.

SPIRITUALISER, *va.* Manova tantara ho ohatra.

SPIRITUALISME, *sm.* Fampianarana ny fisian' ny fanahy.

SPIRITUALISTE, *s.* et *adj.* Mampianatra ny fisiam-panahy.

SPIRITUALITÉ, *sf.* 1° Ny mahafanahy. La — de l'âme. Ny *mahafanahy* ny fanahy. 2°—, Ny momba ny fitiavam-bavaka. Livre de —. Boky *momba ny fitiavam-bavaka*.

SPIRITUEL, ELLE, *adj.* 1° Fanahy fotsiny. Dieu est un être—. *Fanahy fo-*

tsiny Andriamanitra. 2°—, Be saina, marani-tsaina, mampiseho haranitan-tsaina. Homme—. Olona *be saina, marani-tsaina*. Réponse spirituelle. Valin-teny *mampiseho haranitan-tsaina*. Physionomie spirituelle. Tarehy mampiseho *haranitan-tsaina*. 3°—, Momba ny fitiavam-bavaka, — ny fanahy, manaraka ny fanahy, araka ny fanahy, ampanahy, momba ny fivavahana. Entretien—. Resaka *momba ny fitiavam-bavaka, ny fanahy*. L'homme—. Ny olona *manaraka ny fanahy, araka ny fanahy*. Pensées spirituelles. Hevitra *momba ny fitiavam-bavaka*, hevi-*panahy*. Les biens spirituels. Ny harem-*panahy*. Communion spirituelle. Komonio *am-panahy*. La puissance spirituelle. Ny fahefana *momba ny fivavahana*. 4°—, Alaina anohatra. Le sens — de la Bible. Ny hevitra *alaina anohatra* ao amy ny Soratra Masina.

—, *sm*. Ny momba ny fanahy,— ny fivavahana.

SPIRITUELLEMENT, *adv*. 1° Amim-pabaranitan-tsaina. 2°—, Am-panahy.

SPIRITUEUX, EUSE, *adj*. Mahery.

—, *sm*. Fisotro mahery. Les — sont dangereux. Mampiditra angano ny *fisotro mahery*.

SPLEEN (*spline*), *sm*. Toetry ny olona boboky ny miaina.

SPLENDEUR, *sf*. 1° Famirapiratra, fanjelajelatra. La — du soleil. Ny *famirapiratra*, etc., ny masoandro. 2° *fig*. Voninahitra, rehareha. La — de son rang. Ny *voninahitry* ny toetrany. Il vit avec —. Manao toe-piainana be *rehareha* izy.

SPLENDIDE, *adj*. 1° Mampiseho rehareha. 2°—, Kanto. Festin —. Fanasana *kanto*. Comme SOMPTUEUX.

SPLENDIDEMENT, *adv*. 1° Be rehareha. 2°—, Kanto.

SPOLIATEUR, TRICE, *s*. Mpamabo, mpanosy.

—, *adj*. Mamabo, manosy. Lois spoliatrices. Lalána *mampamabo, mampanosy*.

SPOLIATION, *sf*. Famaboana, fanosena.

SPOLIER, *va*. Mamabo, manosy. On l'a spolié de son héritage. *Nobaboina, nohosena* ny lovany.

SPONGIEUX, EUSE, *adj*. Hoatra ny sponjy. Le poumon est—. *Hoatra ny sponjy* ny avokavoka.

SPONTANÉ, ÉE, *adj*. An-tsitra-po, ho azy, tampoka. Action spontanée. Zavatra atao *an-tsitra-po*. Les mouvements du cœur sont spontanés. Mitepotepo *ho azy* ny fo. Maladie spontanée. Aretina *tampoka*.

SPONTANÉITÉ, *sf*. Fanaovana antsitra-po, hatampoka.

SPONTANÉMENT, *adv*. An-tsitrapo, ho azy, tampoka.

SQUAMEUX, EUSE, *adj*. Mihelakelaka, mihofakofaka.

SQUELETTE, *sm*. 1° Rikarikan-taolana. 2° *fig*. Olona kangoaza.

STABILITÉ, *sf*. 1° Hamafy, hamafisana. 2° *fig*. Hateza, faharetana, tsy fiovana.

STABLE, *adj*. 1° Mafy. Édifice —. Trano *mafy*. 2° *fig*. Mateza, maharitra, tsy miovaova. Rien n'est — en ce monde. Tsy misy zavatra *mateza, maharitra* amin' izao fiainana izao. Ce n'est point un esprit —. Olona *miovaova* izy.

STADE, *sm*. 1° Kianja nifanalan'ny Grika hazakazaka. 2°—, Foto-pandrefesan-dálana mitovy amy ny 180 metatra.

STAGE, *sm*. Andro sasany mbola ianaran' ny mpisolo vava.

STAGIAIRE, *adj*. et *sm*. Mbola mianatra. Avocat —. Mpisolo vava *mbola mianatra*.

STAGNANT, ANTE, *adj*. Monina, mihandrona. Eau stagnante. Rano *monina*, etc.

STAGNATION, *sf*. 1° Fihandronana. La — du sang. Ny *fihandronan'* ny ra. 2° *fig*. Fatoritory. La — du commerce. Ny *fatoritorin'* ny varotra.

STALLE, *sf*. Fipetrahan' ny pretra miraikitra amy ny rindrina manodidina ny fitoerana masina.

STANCE, *sf*. Andinin-tonon-kira.

STATION, *sf*. Fijanonana.

STATIONNAIRE, *adj*. Mijanona, tsy misy fiovana. Dans ce pays la civilisation est —. *Tsy misy fiovana* ny sivilizasiona amin' izany tany izany.

—, *sm*. Sambo mpiady miambina seranana.

STATIONNEMENT, *sm*. Fijanonana.

STATIONNER, *vn*. Mijanona, miandry. Les voitures stationnent sur cette place. *Mijanona*, etc., amin' io kianja io ny kalesy.

STATISTIQUE, *sf.* Fahaizana momba ny isan-javatra samihafa amy ny tany anankiray.
—, *adj.* Momba ny isan-javatra samihafa amy ny tany anankiray. Description — d'une province. Filazana ny *isan-javatra samihafa* amy ny fari-tany anankiray.
STATUAIRE, *sm.* Mpanao sariolona.
—, *sf.* Fahaizana manao sariolona. Étudier la —. Mianatra ny *fahaizana manao sariolona.*
—, *adj.* Momba ny sariolona.
STATUE, *sf.* 1° Sariolona. 2° *fig.* C'est une —. Hoatra ny vato aman-kazo izy.
STATUER, *va.* Mandidy, manapaka. L'assemblée n'a rien statué sur cet objet. Tsy *nandidy*, etc., na inona na inona ny amin' izany zavatra izany ny fivoriana.
STATUETTE, *sf.* Sariolona madinika.
STATU QUO, *sm.* Tsy fiovan-toetra. Maintenir le —. *Tsy manova toe*-javatra.
STATURE, *sf.* Hahavo, halava.
STATUT, *sm.* Didy, lalána. Les statuts de l'Académie. Ny *didy*, etc., ny Akademia.
STÉARINE, *sf.* Mena-dabozy vazaha.
STELLAIRE, *adj.* Momba ny kintana.
STÉNOGRAPHE, *sm.* Mpanao soratrandra.
STÉNOGRAPHIE, *sf.* Soratrandra.
STÉNOGRAPHIER, *va.* Manao soratrandra.
STÉNOGRAPHIQUE, *adj.* Momba ny soratrandra.
STENTOR, *sm.* Voix de —. Feo mikotrokotroka.
STEPPE, *sm.* Tany lemaka foana any Rosia.
STÉRÉOTYPAGE, *sm.* Fanovana pejy vita amy ny lohavý ho lohavý mikambana.
STÉRÉOTYPE, *adj.* Voatonta amy ny lohavý mikambana.
STÉRÉOTYPER, *va.* Manova pejy vita amy ny lohavý ho lohavý mikambana.
STÉRÉOTYPIE, *sf.* Fahaizana manova pejy vita amy ny lohavý ho lohavý mikambana.
STÉRILE, *adj.* 1° Tsy mahavokatra, tsy mamoa, momba, bada, mihodivitra. Terre —. Tany *tsy mahavokatra.* Arbre —. Hazo *tsy mamoa.* Femme —. Vehivavy *momba.* Vache —. Omby *bada.* Année —. Taona *mihodivitra.* 2° *fig.* Tsy mahaforon-javatra, sarotra itarina, vitsy, foana, very foana. Esprit —. Olona *tsy mahaforon-javatra.* Sujet —. Foto-teny *sarotra itarina.* Époque — en grands hommes. Andro *vitsy* olomalaza. Louanges stériles. Fiderana *foana.* Travail —. Herim-po *very foana.*
STÉRILITÉ, *sf.* 1° Tsy fahavokarana, tsy famoazana, fihodivitra. 2° *fig.* Tsy fahaforonan-javatra, havitsiana, hafoanana.
STERLING, *adj. invar.* Livre —. Vola englisy mitovy amy ny ariary dimy.
STERNUM, *sm.* Taolan-tratra.
STERNUTATOIRE, *adj.* et *s.* Mampievinevina.
STÉTHOSCOPE, *sm.* Zavatra entin'ny dokotera hihainoana ny ao anaty tratra.
STIGMATE, *sm.* 1° Holatra, hola-pery. Les stigmates de saint François. Ny *hola-periny* Md. Fransoa. 2° *fig.* Fahafaham-baráka.
STIGMATISER, *va.* 1° Manamarika olona. 2° *fig.* Mahafa-baráka, maniny mafy. Le vice stigmatise son front. Ny haratsiam-panahy *mahafa-baráka* azy. On l'a stigmatisé en pleine séance. Efa *notsinina mafy* teo am-pivoriana izy.
STIMULANT, ANTE, *adj.* Manaitra ny ambavafó. Potion stimulante. Fanafody fisotro *manaitra ny ambavafó.*
—, *sm.* 1° Zavatra manaitra ny ambavafó. 2° *fig.* Famporisihana.
STIMULER, *va.* 1° Manaitra ny ambavafó. 2° *fig.* Mamporisika. — un enfant. *Mamporisika* ankizy madinika anankiray.
STIPENDIER, *va.* Manakarama. — des troupes. *Manakarama* miaramila.
STIPULANT, ANTE, *adj.* Mifanaiky.
STIPULATION, *sf.* Zavatra ifanaikena.
STIPULER, *va.* Mifanaiky.
STOCK, *sm.* Habetsaham-barotra ao an-trano na ao an-tanána.
STOÏQUE, *adj.* Mahery fo, tsy mihontsina, mampiseho herim-po.
STOMACAL, ALE, *adj.* Mahatsara ny ambavafó.
STOMACHIQUE, *adj.* Mahatsara ny ambavafó.
—, *sm.* Zavatra mahatsara ny ambavafó.
STOPPER, *va.* Mampijanona sambo, milina, etc.

STORE, *sm.* Lambam-baravaran-kely azo ampakarina sy ampilinina.
STRAMONIUM, *sm.* Ramiary.
STRANGULATION, *sf.* Fanakendana, fanatraohana.
STRATAGÈME, *sm.* 1° Fitaka ataon' ny mpiady. 2° *fig.* Hafetsena.
STRATÉGIE, *sf.* Fahaizana tetik' ady.
STRATÉGIQUE, *adj.* Momba ny tetik' ady.
STRATÉGISTE, *sm.* Mpahay tetik' ady.
STRATIFICATION, *sf.* Fampifanongoavana, fifanongoavana.
STRATIFIER, *va.* Mampifanongoa.
STRICT, ICTE, *adj.* 1° Indriadra. Obligation stricte. Zavatra tsy maintsy hatao *indrindra.* 2°—, Sarotsarotiny. Il est — en affaires. *Sarotsarotiny* amy ny raharaha izy.
STRICTEMENT, *adv.* Indrindra.
STRIDENT, ENTE, *adj.* Mikiririoka.
STRIÉ, ÉE, *adj.* Misy mitsoriadriaka miavomiva, misy torihisatra. Tige striée. Tahon-java-maniry *misy mitsoriadriaka miavomiva.* Colonne striée. Andry *misy torihisatra.*
STRIES, *sf. pl.* Mitsoriadriaka miavomiva, torihisatra.
STRIURES, *sf. pl.* Comme STRIES.
STROPHE, *sf.* Andinin-tonon-kira.
STRUCTURE, *sf.* 1° Rafitra. Ce palais est d'une — solide. Mafy *rafitra* io lapa io. 2°—, Filahatra. La — du corps humain. Ny *filahatry* ny vatan' ny olombelona. 3° *fig.* Filahatra. La — d'un discours. Ny *filahatry* ny labateny.
STUC, *sm.* Fetan-tsokay miharo marba fotsy.
STUDIEUSEMENT, *adv.* Amim-pitandremana.
STUDIEUX, EUSE, *adj.* Tia fianarana. Enfant —. Zazalahy *tia fianarana.*
STUPÉFACTION, *sf.* Fidagaga, fitanáka, fitolagaga.
STUPÉFAIT, AITE, *adj.* Midagaga, mitanáka, mitolagaga.
STUPÉFIER, *va.* Mampidagaga, mampitanáka, mampitolagaga. Cette nouvelle l'a stupéfié. *Nampidagaga,* etc., azy mafy izany zava-baovao izany.
STUPEUR, *sf.* 1° Havahotra ary amy ny aretina. 2° *fig.* Fidagaga, fitanáka, fitolagaga.
STUPIDE, *adj.* et *s.* Adala, dontotsaina, ketrina, donána velona, taraiky.
STUPIDEMENT, *adv.* Amin-kadalana.
STUPIDITÉ, *sf.* Hadalana, hadontoantsaina, fidonána, fitaraiky.
STYLE, *sm.* 1° Vy marani-doha fanoratan' ny ntaolo. 2°—, Vy fanondrom-pamantaranandro aloka. 3° *fig.* Laha-teny, fandaha-teny, fombam-pitenenana. —simple. *Laha-teny* tsotra. Il a un — fleuri. Be renty ny *laha-teny* ataony, ny *fandaha-teniny.* Selon le — de l'Écriture. Araka ny *fombam-pitenenana* fanao ao amy ny Soratra Masina. 4° —, Fomba. Ce tableau est dans le — de Raphaël. Natao araka ny *fomba* fanaondRaphaël io sary io.
STYLÉ, ÉE, *adj.* Mahay, kinga.
STYLER, *va.* Manoro, mampianatra. On l'a stylé à cela. *Notoroana, nampianarina* izany izy.
STYLET, *sm.* Lefom-pohy madinika.
SU, *sm.* Fahafantarana. Au — de tout le monde. *Fantatry* ny olona rehetra.
SUAIRE, *sm.* Lamba famonosana ny maty, lamba mena. Le saint —. Ny *lamba namonosana ny faty* Jeso-Kristy.
SUANT, ANTE, *adj.* Tsemboka. J'ai les mains suantes. *Tsemboka* ny tánako.
SUAVE, *adj.* Manitra dia manitra, matsiro, fy, mahafinaritra. Odeur —. Fofon-javatra *manitra dia manitra.* Un mets d'un goût —. Nahandro *matsiro, fy.* Mélodie —. Hira *mahafinaritra.*
SUAVITÉ, *sf.* Hanitra, hatsiro, hafy, hafinaritra.
SUBALTERNE, *adj.* et *s.* Fehezina, ambany. Officier —. Manamboninahitra *fehezina,* etc. Emploi —. Raharaha *ambany.*
SUBDÉLÉGATION, *sf.* Famindrana fahefana azo.
SUBDÉLÉGUÉ, *sm.* Iraky ny nirahina.
SUBDÉLÉGUER, *va.* Mamindra fahefana.
SUBDIVISER, *va.* Mizara ny efa voazara.
Se subdiviser, *vpr.* Mizarazara indray.
SUBDIVISION, *sf.* Fizarana ny efa voazara, ampolokeliny.
SUBIR, *va.* Miaritra, manaiky, manoa, manefa, participe. Il a subi une rude épreuve. *Niaritra* fizahan-toetra mafy izy. —la loi du vainqueur. *Manaiky, manoa* ny mpandresy. Il a subi la peine

à laquelle il avait été condamné. *Nanefa* ny sazy nanamelohana azy izy. —la mort. *Maty*. —un examen. *Adinina*. —des modifications. *Ovana*.

SUBIT, ITE, *adj*. Tampoka.

SUBITEMENT, *adv*. Tampoka.

SUBJONCTIF, *sm*. Modin' ny verba izay miankina amy ny verba hafa.

SUBJUGUER, *va*. 1° Mampanaiky, mampanoa. —une nation. *Mampanaiky*, etc., firenena iray. 2° *fig*. Mitarika, mamolaka. L'éloquence subjugue l'esprit. *Mahatarika* ny sain' ny olona ny fahaizana mandaha-teny. —les passions. *Mamolaka* ny filan-dratsy.

SUBLIME, *adj*. Lalina, ambony. C'est un esprit—. Olona *lalin-tsaina* izy. Pensée —. Hevitra *lalina*. Style—. Laha-teny *lalina*, *ambony*.

—, *sm*. Halalinana, laha-teny lalina.

SUBLIMÉ, *sm*. —corrosif. Darajy, haidirajy.

SUBLIMITÉ, *sf*. Halalinana.

SUBLINGUAL, ALE, *adj*. Ambany lela.

SUBLUNAIRE, *adj*. Ao anelanelan' ny tany sy ny volana.

SUBMERGER, *va*. 1° Manafotra. Le fleuve submerge les campagnes. *Manafotra* ny eny an-tsaha ny ony. 2°—, Mandrendrika, mandentika. Les flots ont submergé le navire. Ny onja *nandrendrika*, *nandentika* ny sambo.

SUBMERSION, *sf*. 1° Safo-drano. 2°—, Filentika.

SUBORDINATION, *sf*. Fanekena, fanarahana, fifehezana. Il a l'esprit de—. *Manaiky*, *manaraka* tsara izy. Il y a — de l'élève au maitre. *Fehezin'* ny mpampianatra ny mpianatra.

SUBORDONNÉ, ÉE, *adj*. et *s*. Fehezina, olom-pehezina, manaraka Il est bon envers ses subordonnés. Malemy fanahy amy ny *olom-peheziny* izy.

SUBORDONNER, *va*. Mametraka ambany fifehezana, mampifanaraka. —ses dépenses à ses recettes. *Mampifanaraka* ny laniny amy ny azony.

Se subordonner, *vpr*. Manaiky, manaraka, mifanaraka.

SUBORNATION, *sf*. Fanolikolena, fanojikojena, fanangolena, famokisana, fanomezam po.

SUBORNER, *va*. Manolikoly, manojikojy, manangoly, mamoky, manome fo. — des témoins. *Manolikoly*, *manojikojy* ny vavolombelona. —une jeune fille. *Manangoly* tovovavy. —un domestique. *Mamoky*, *manome fo* mpanompon' olona.

SUBORNEUR, EUSE, *s*. Mpanolikoly, mpanojikojy, mpanangoly, mpamoky, mpanome fo.

SUBREPTICE, *adj*. Misy lainga, antsokosoko. Lettre—. Taratasy *misy lainga*. Édition—. Boky atonta *an-tsokosoko*.

SUBREPTICEMENT, *adv*. Am-pitaka, an-tsokosoko.

SUBREPTION, *sf*. Famitahana.

SUBROGATION, *sf*. Fanoloana.

SUBROGER, *va*. Manolo. Comme SUBSTITUER.

SUBSÉQUEMMENT, *adv*. Aoriana, rehefa.

SUBSÉQUENT, ENTE, *adj*. Manarakaraka. Un testament— annule le premier. Farahafatra anankiray *manarakaraka* mahafoana ny voalohany.

SUBSIDE, *sm*. 1° Vola vonjy rano vaky ilain' ny fanjakana. 2°—, Vola omen' ny fanjakana anankiray hamonjena ny miray andaniny aminy.

SUBSIDIAIRE, *adj*. Manampy. Raison—. Porofo *manampy*.

SUBSIDIAIREMENT, *adv*. Ho fanampy.

SUBSISTANCE, *sf*. Fivelomana. Il n'a aucun moyen de—. Tsy manana antom-*pivelomana* izy.

SUBSISTER, *vn*. 1° Maharitra. Les pyramides subsistent depuis bien des siècles. *Maharitra* hatrizay ela izay ny pyramida. Cette loi subsiste encore. Mbola *maharitra* hiany izany lalàna izany. 2°—, Ivelomana. Il ne subsiste que d'aumônes. Ny fiantrana hiany no *ivelomany*.

SUBSTANCE, *sf*. 1° Zavatra, tena. —corporelle. *Zavatra* manam-batana. Le temps n'a ni forme ni —. Tsy manana endrika na *tena* ny andro. 2°—, Tsiro. On a fait trop tremper cette viande, l'eau en a tiré toute la —. Nalona ela loatra io hena io, ka lasan' ny rano avokoa ny *tsirony*. 3° *fig*. Venty, fotopetotra. Il y a peu de — dans ce discours. Tsy misy *ventin*-javatra loatra amin' izany laha-teny izany. Je vous dirai la — de ce discours. Holazaiko aminao ny *fotopotots'* izany laha-teny izany. || *loc*.

S'engraisser de la — du peuple. Homambahoaka.

En substance, *loc. adv.* Amy ny teny fohifohy.

SUBSTANTIEL, ELLE, *adj.* 1° Mampahatanjaka. Mets —. Nahandro *mampahatanjaka.* 2° *fig.* Izay fotopototra

SUBSTANTIELLEMENT, *adv.* Misy ny tenany. Dans l'Eucharistie on reçoit Notre-Seigneur réellement et —. Raisina tokoa ao amy ny Eokaristia ny *tenany* Jeso-Kristy.

SUBSTANTIF, *adj.* et *sm.* Anarana, naona.

SUBSTANTIVEMENT, *adv.* Hoatra ny naona. Il y a des adjectifs qui se prennent —. Misy adjektiva sasany izay manao ny asan' ny *naona.*

SUBSTITUER, *va.* Manolo. —un mot à un autre. *Manolo* teny hafa ny teny anankiray. L'enfant qu'elle nourrissait étant mort, elle substitua son fils à la place. Nony maty ilay zaza nampinonoiny, dia ny zanany no *nasolony* azy.

Se substituer, *vpr.* Misolo.

SUBSTITUT, *sm.* 1° Solo. mpisolo. 2° —, Mpanampy ny andriambaventy izay mampanaraka ny lalána.

SUBSTITUTION, *sf.* Fanoloana.

SUBTERFUGE, *sm.* Fialana, fihodivirana, fanarian-dia. Comme ECHAPPATOIRE.

SUBTIL, ILE, *adj.* 1° Madinika, manify. Poussière subtile. Vovoka *madinika.* Trait de plume —. Tsipika *madinika, manify.* 2°—. Mahery. Poison —. Poizina *mahery.* 3°—, Mahiratra, malady. Il a la vue subtile. *Mahira*-maso izy. Il a l'ouïe subtile. *Malady* sofina izy. Voy. FIN. 4° *fig* Kinga, fetsy. Voleur —. Mpangalatra *kinga, fetsy.* 5°—, Marani-tsaina, mampiseho haranitan-tsaina. C'est un esprit —. *Marani-tsaina* izy. Il est — dans la discussion. *Marani-tsaina* izy raha miady hevitra. Réponse subtile. Valin-teny *mampiseho haranitan-tsaina.*

SUBTILEMENT, *adv.* 1° Amin-kakingana, amin-kafetsena. 2° —, Amin-karanitan-tsaina.

SUBTILISER, *vn.* Marani-tsaina loatra.

SUBTILITÉ, *sf.* 1° Hadinika, hanifisana. 2° —, Hery. 3° —, Fahiratana, haladiana. 4° *fig.* Hakingana, hafetsena. La — est voisine de la friponnerie Ny *hafetsena* dia mifanolo-body rindrina amy ny fifetsena. 5° —, Haranitan-tsaina, haranitan-tsaina loatra.

SUBURBAIN, AINE, *adj.* Manodidina ny renivohitra.

SUBVENIR, *vn.* Mamonjy, misahana. — aux malheureux. *Mamonjy* ny mahantra. Je ne puis — à toutes les dépenses. Tsy zakako *vonjena, sahanina* avokoa ny lany rehetra.

SUBVENTION, *sf.* Fanampiana omen' ny fanjakana.

SUBVENTIONNÉ, ÉE, *adj.* Mahazo fanampiana amy ny fanjakana. Hôpital —. Hospitaly *mahazo fanampiana amy ny fanjakana.*

SUBVENTIONNER, *va.* Manome fanampiana.

SUBVERSIF, IVE, *adj.* Manimba. Principe —. Foto kevitra *manimba.*

SUBVERSION, *sf.* Fanimbana.

SUC, *sm.* 1° Ranon-javatra, tsiro. Le — de ce fruit est acide. Marikivy ny *ranon'* io voankazo io. Il y a bien du — dans cette viande. Be *tsiro* ity hena ity. Les sucs de la terre. Ny *tsiron'* ny tany. 2° *fig.* Tsiro. J'ai lu ce livre, j'en ai pris tout le —. Efa voavakiko ity boky ity, ary noraisiko avokoa ny *tsirony.*

SUCCÉDER, *vn.* 1° Mandimby. La nuit succède au jour. Ny alina *mandimby* ny andro. Il a succédé à son père dans cet emploi. *Nandimby* an-drainy tamin' izany raharaha izany izy. 2°—, Mamelo-maso. Les enfants succèdent au père. Ny zanaka *mamelo-maso* ny ray.

Se succéder, *vpr.* Mifandimby. Les jours se succèdent. *Mifandimby* ny andro.

SUCCÈS, *sm.* Fanambinana, fahombiasana, fahavitana tsara, fahavanoanana. Il a eu du —. *Nambinina, nahomby* izy. Cette entreprise a eu tout le — qu' on désirait. *Vita tsara, vanona* araka ny nirina izany raharaha izany.

SUCCESSEUR, *sm.* Mpandimby, dimby, fanova. Ce roi eut un digne —. Mendrika ny *mpandimby* izany mpanjaka izany, ny *dimby,* ny *fanovan'* izany mpanjaka izany.

SUCCESSIF, IVE, *adj.* Mifandimby, mifanaraka, misesy, mifanesy, sesilany, tohilany. Des guerres successives. Ady *mifandimby,* etc.

SUCCESSION, *sf.* 1° Fifandimbasana. 2°—, Lova. Riche —. *Lova* be.

SUCCESSIVEMENT, *adv.* Mifandimby, mifanarakaraka.

SUCCINCT, INCTE, *adj.* Fohy, fohy teny. Discours —. Laha-teny *fohy*. Il est — dans ses réponses. *Fohy teny* izy raha mamaly.

SUCCINCTEMENT, *adv.* Amy ny teny fohy.

SUCCION, *sf.* Fitsentsefana. Il y a des plaies qu'on guérit par la —. Misy fery sasany sitrana raha *tsentsefina*.

SUCCOMBER, *vn.* 1° Mila tsy hahazaka. Il succombe sous le faix. *Mila tsy hahazaka* ny entana izy. 2° *fig.* Mila tsy hahazaka, resy, maty. Il succombe sous le poids des affaires. *Mila tsy hahazaka* ny havesaran' ny raharaha izy. Il succomba à la tentation. *Resin'* ny fakam-panahy izy. Il a succombé dans le procès. *Resy* tamy ny ady izy. Le malade a succombé. *Maty* ny marary.

SUCCULENT, ENTE, *adj.* Be tsiro, mampahatanjaka. Viande succulente. Hena *be tsiro*. Bouillon —. Ro *mampahatanjaka*, ro mangazafy.

SUCCURSALE, *adj.* et *sf.* 1° Zanapiangonana. 2°—, Trano fehezin' ny hafa.

SUCEMENT, *sm.* Fitsentsefana, fifiahana, fitrohana.

SUCER, *va.* 1° Mitsentsitra, mifiaka, mitroka. — une orange. *Mitsentsitra* laoranjy. — un os, une canne à sucre. *Mifiaka* taolana, fary. — la moelle d'un os. *Mitroka* tsoka an-taolana. 2° *fig.* Mianatra. Il a sucé la piété avec le lait. *Nianatra* ho tia vavaka hatry ny fony kely izy. 3°—, Mijijy, mikapa. Il vous sucera jusqu'au dernier sou. *Hojijiny, hokapainy* hatramy ny variraiventy ny volanao.

SUCEUR, *sm.* Mpitsentsitra.

SUÇOIR, *sm.* Fitsentsefana.

SUÇOTER, *va.* Mitsentsitsentsitra, mifiapiaka.

SUCRE, *sm.* Siramamy. ‖ *loc.* En pain de —. Kitso loha.

SUCRÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Nasian-tsiramamy, misy siramamy, hoatra ny siramamy. Melon —. Voantango *hoatra ny siramamy*, 2° *fig.* Malefaka, tsara vava. Langage—. Teny *malefaka*. Faire la sucrée. *Mihatsara vava*.

SUCRER, *va.* Manisy siramamy.

Se sucrer, *vpr.* Manisy siramamy amy ny kafény.

SUCRERIE, *sf.* 1° Trano fanaovan-tsiramamy. 2°—, *pl.* Zava-mamy.

SUCRIER, *sm.* Fitoeran-tsiramamy.

SUCRIER, IÈRE, *adj.* L'industrie sucrière. Ny fanaovan-tsiramamy.

SUD, *sm.* Atsimo. Aller du côté du—. *Mianatsimo*. Au —est. Any *atsimo* atsinanana, any an-joron'akoho. Au —ouest. Any *atsimo* andrefana, any an-jorombaravaram-bo.

SUDORIFIQUE, *adj.* et *sm.* Mampahatsemboka, mampivoa-dinitra, mampivoa-jijaka.

SUER, *vn.* 1° Tsemboka, mivoa-dinitra, mivoa-jijaka. Il sue du visage. *Tsemboka*, etc., ny tarehiny. Les mains lui suent. *Tsemboka* ny tánany. Les murs suent pendant le dégel. *Tsemboka* ny rindrina raha miempo ny ranomandry. 2° *fig.* Tsemboka, tsembo-dratsy, misasatra, misahirana. Il a bien sué sur cet ouvrage. *Nahatsemboka, nahasasatra, nanahirana* azy maty izany boky izany. C'est un homme qui fait —. *Mahatsembo-dratsy, manahirana* izany lehilahy izany.

—, *va.* 1° Tsemboka. — du sang. *Tsembo*-dra. 2° *fig.* — sang et eau. Misasatra mafy, misahirana —.

SUETTE, *sf.* Karazan' aretina mahatsemboka izaitsizy.

SUEUR, *sf.* 1° Tsemboka, hatsembohana, dinitra Cela provoque la —. *Mahatsemboka*, mampivoa-*dinitra* izany. 2° *fig.* Fahatsembohana, fisasarana, fisahiranana. Il gagne sa vie à la — de son front. Ny *fahatsembohan'* ny tavany no ahazoany fivelomana, mitrongy vao homana izy.

SUFFIRE, *vn.* 1° Mamonjy, misahana. On ne peut — à tout. Tsy zaka *vonjena, sahanina* avokoa ny zavatra rehetra. 2° Ampy, mahampy, sahaza, antonina. Cent piastres par an lui suffisent. Ariary zato isan-taona dia *ampy* ho azy, *mahampy* azy. Cette somme suffit pour toutes ces emplettes. *Ampy, sahaza, antonina* hividianana ireo zavatra rehetra ireo izany vola izany. Cela suffit. *Ampy* izany, aoka izay. A chaque jour suffit sa peine. *Ampy* ny fahoriana miseho isan'andro, (ka aza manahy ny ho ampitso).

Se suffire, *vpr.* Mahavita tena.

SUFFISAMMENT, *adv.* Ampy, sahaza, antonina.

SUFFISANCE, *sf.* 1° Fahampiana. 2° —, Fieboebo, fianjonanjona, firehareha. Il a une — insupportable. Tsy toha ny *fieboebony*, etc.

SUFFISANT, ANTE, *adj.* 1° Ampy, mahampy, sahaza, antonina. 2°—, Mieboebo, mianjonanjona, mirehareha. Il a l'air —. *Mieboebo*, etc., ny toetrany.

—, *s.* Mpieboebo.

SUFFOCANT, ANTE, *adj.* Manempotra, mahasempotra.

SUFFOCATION, *sf.* Hasemporana.

SUFFOQUER, *va.* Manempotra, mahasempotra. Les larmes le suffoquent. *Manempotra*, etc., azy ny taniny.

—, *vn.* Sempotra. Il est près de —. Madiva ho *sempotra* izy.

SUFFRAGANT, *adj.* et *sm.* Eveka fehin' ny arseveka.

SUFFRAGE, *sm.* 1° Fifidianana, latsabato, filazana ny heviny. Il a réuni tous les suffrages. *Nofidin'* ny olona rehetra izy. Donner un — par écrit. Mandatsaka *latsa-bato*. Dans cette délibération les suffrages furent partagés. Tamin' izany fandinihana izany dia nisaratsaraka be hiany ny *hevitry* ny olona. Compter les suffrages. Manisa ny *latsabato*. 2°—, Fankatoavana, fankasitrahana Il a obtenu les suffrages de ses amis. *Nankatoavina, nankasitrahan'* ny sakaizany izy. 3°—, *pl.* Fahatsiarovana ny olo-masina, fivavahana. Suffrages des saints. *Fivavahana* ataon' ny olo-masina ho any ny olombelona.

SUGGÉRER, *va.* Manolotra, manoro. — une idée. *Manolo*-kevitra, *manoro* hovitra.

SUGGESTION, *sf.* Fanoloran-kevitra, tolo-kevitra, fanoroan-kevitra, torohevitra, fitaoman-dratsy. C'est une—du malin esprit. *Tolo-kevitra, torohevitra, fitaoman-dratsy* avy amy ny demony izany.

SUICIDE, *sm.* Famonoan-tena.

SUICIDÉ, *sm.* Olona namono tena.

SUICIDER (SE), *vpr.* Mamono tena.

SUIE, *sf.* Molaly, arim-bilany. La cheminée est pleine de —. Raiki-*molaly*, be *molaly* ny fivoahan-tsetroka. — qui s'attache à la marmite. *Arim*-bilany.

SUIF, *sm.* Jabora.

SUIFFER, *va.* Manosotra jabora.

Se suiffer, *vpr.* Mihosotra jabora.

SUINTEMENT, *sm.* Fitsihana, fanamika, fandranorano, fitsiranorano, fitoraka ivy.

SUINTER, *vn.* Mitsika, manamika, mandranorano, mitsiranorano, mitoraka ivy. L'eau suinte à travers les rochers. *Mitsika, manamika* amy ny vato ny rano. La plaie suinte encore. Mbola *mandranorano, mitsiranorano, mitoraka ivy* ny fery.

SUISSE, *sm.* Dekona amy ny trano leglizy.

SUITE, *sf.* 1° Mpanaraka maro. Il a une nombreuse —. Be *mpanaraka* izy. 2°—, Tohy, fitohizana. La — d'une histoire. Ny *tohin'* ny tantara anankiray. Il tient des propos sans —. Tsy *mitohy* ny resaka ataony. 3°—, Zavatra mitohitohy, — mifanarakaraka, — mifandimby. Une — de portraits. Sary *mitohitohy*. Sa vie a été une — de malheurs. Nisy fahoriana *nitohitohy*, etc., tamy ny andro niainany. Une longue — de rois. Mpanjaka maro *nifandimby*. 4°—, Zavatra avy, — ateraka, vokatra, andro manaraka. Ce qui lui arrive est une — de sa mauvaise conduite. Izao manjó azy izao *avy* amy ny fitondran-tena ratsy nataony, *ateraka, vokatry* ny fitondran-tena ratsy nataony. Il devint dans la — un homme laborieux. Nihamazoto izy tamy ny *andro nanarakaraka*.

De suite, *loc. adv.* Mitohy, mifanaraka. Mettez ces livres de —. *Atohitohizo* ireo boky ireo. Il ne saurait dire deux mots de —. Tsy mahay manonona teny roa *mitohy*, etc., izy.

Tout de suite, *loc. adv.* Haingana, vetivety. Obéir tout de —. Manaiky *haingana*, etc.

Par suite, *loc. adv.* et *prép.* Amin'izany, noho.

SUIVANT, *prép.* Araka. Travailler — ses forces. Miasa *araka* ny tanjany.

Suivant que, *loc. conj.* Araka.

SUIVANT, ANTE, *adj.* Manarakaraka. Le chapitre—. Ny toko *manarakaraka*.

—, *sf.* Vehivavy mpanaraka.

SUIVI, IE, *adj.* 1° Mitohy, tsy tapaka. Un discours bien—. Laha-teny *mitohy* tsara. Correspondance suivie. Fampitondrana taratasy *tsy tapaka*. 2°—, Mahatarika mpihaino betsaka. Prédicateur —. Mpitory teny *mahatarika mpihaino betsaka*.

SUIVRE, *va.* 1° Manaraka, manjohy, momba, miaraka, manenjika. Allez devant, je vous suivrai. Mialohá, fa *hanaraka* anao aho. Il a suivi ce prince dans

tous ses voyages. *Nanaraka, nanjohy, nomba* izany mpanjaka izany, *niaraka* tamin' izany mpanjaka izany tamin'izay rehetra nalehany izy. — des perdreaux. *Manenjika* tsipoy. — la rivière. *Manaraka* ny moron-drenirano. — sa religion *Manaraka* ny fivavahany. — ses penchants. *Manaraka* ny fitongilanan-dratsiny. 2° —, Mitandrina, mandinika, mikarakara, mihaino matetika, mamonjy. Si vous ne le suivez de près, il fera quelque sottise. Raha tsy *tandremanao* izy, dia hanao hadalana. J'ai suivi ses progrès, et j'en ai été surpris. Efa *nandinika* ny fandrosoana nataony aho, ka gaga. — une affaire. *Mitandrina, mikarakara* raharaha anankiray. — un prédicateur. *Mihaino matetika* mpitory teny anankiray. — un cours. *Mamonjy* fampianarana anankiray. 3° *fig*. Mandimby, manaraka, manjohy. L'été suit le printemps. Ny lohataona *diasan'* ny fahavaratra. La peine suit la faute. *Manaraka, manjohy* ny heloka atao ny famaizana.

Se suivre, *vpr*. Mitohy, mifanaraka, mifandimby. Les pages se suivent bien. *Mitohy, mifanaraka* tsara ny pejy. Les jours se suivent et ne se ressemblent pas. *Mifandimby* ny andro anefa tsy mitovy.

Il suit, *v. imp*. Hamarinina. Il suit de là que je n'ai pas tort. Izany no *manamarina* fa tsy diso aho.

SUJET, ETTE, *adj*. 1° Fehezina. Nous sommes tous sujets aux lois du pays. *Fehezin'* ny lalàn' ny tany avokoa isika rehetra. 2° —, Mpandoa, tsy maintsy. Il est — à l'impôt. *Mpandoa* hetra izy. Tous les hommes sont sujets à la mort. Samy *tsy maintsy* ho faty ny olona rehetra. 3° —, Zatra, mety, fihazo. Il est — à s'enivrer. *Zatra* mimamo izy. Tout homme est — à se tromper. *Mety* ho diso hevitra ny olona rehetra. Il est — à la goutte. *Fihazon'* ny gaotra izy.

—, *s*. Vahoaka, ambanilanitra. C'est un prince qui aime ses sujets. Tia ny *vahoakany* io mpanjaka io. Le roi réunit ses sujets. Novorin' ny mpanjaka ny *vahoakany*, etc.

SUJET, *sm*. 1° Antony, fotony. J'ai — de me plaindre. Misy *antony*, etc., itarainako. 2° —, Fototra, kototany, ventinteny, foto-teny, foto-kevitra, zavatra dinihina, zavatra aseho. Quel est le — de votre conversation ? Inona no *foto*-dresakareo, *kototanin*-dresakareo? Quel est le — de son livre ? Inona no *ventinteny, foto-teny, foto-kevitry* ny bokiny, inona no *zavatra dinihina* amy ny bokiny ? Il s'est écarté de son —. Nivily tamy ny *zavatra nodinihiny* izy. Le — de ce tableau est l'entrée de Notre-Seigneur dans Jérusalem. Ny *zavatra asehon'* io sary io dia ny nidiran' ny Tompontsika tany Jerosalema. 3° —, Olona, faty. C'est un mauvais —. *Olon*-tsy vanona izy. 4° —, Teny amy ny fehezan-teny milaza ny zavatra lazain-toetra na manao.

SUJÉTION, *sf*. Fanekena, fanompoana, fifehezana, famehezana, tsy fahafahana. Tenir dans la —. *Mampanaiky, mampanompo*, mihazona ao anatin' ny *fifehezana*. Il s'est fait une — de se lever tous les jours à cinq heures. *Namehy* tena mba hifoha amy ny dimy isan'andro izy. C'est un emploi d'une grande —. *Tsy* misy *ahafahana* amin' izany raharaha izany.

SULFUREUX, EUSE, *adj*. Misy solifara. Eau sulfureuse. Rano *misy solifara*.

SULTAN, *sm*. 1° Mpanjakan' ny Silamo, soltana. 2° *fig*. Olona manao teniko fo lehibe.

SUPERBE, *adj*. 1° Miavonavona. 2° —, Tsara dia tsara, kanto. Une maison —. Trano *tsara dia tsara*, etc. Un — discours. Laha-teny *tsara dia tsara*, etc.

—, *sm*. Mpiavonavona. Dieu abaisse les superbes. Manetry ny *mpiavonavona* Andriamanitra.

SUPERBEMENT, *adv*. Tsara dia tsara, kanto.

SUPERCHERIE, *sf*. Fitaka, fanambakana, soloky.

SUPERFÉTATION, *sf*. Fanampiny foana. Retranchez cette phrase, c'est une —. Esory io fehezan-teny io, satria *fanampiny foana*.

SUPERFICIE, *sf*. 1° Ny halehiben' ny vohon-javatra, — ny ivelan-javatra, habe. La — de la terre. Ny *halehiben' ny vohon'* ny tany. La — d'un globe. Ny *halehiben' ny voho*, — *ny ivelan'* ny giloby. La — d'un champ. Ny *haben'* ny tanimboly anankiray. 2° *fig*. Ambangovango, endrika, raviny, fandinihana ambangovango. Il ne connaît que la — de beaucoup de choses. Tsy mahafantatra afa-tsy ny *ambangovangony, endrikendriny, ravindraviny* fotsiny izao izy amy ny zavatra maro. Il n'a que de

la—. Tsy *mandinika* afa-tsy ny *ambangovangon*-javatra izy.

SUPERFICIEL, ELLE, *adj.* 1° Ivelany. Cette plaie n'est que superficielle. *Ivelany* fotsiny hiany io fery io. 2°—, Ambangovangony, mandinika ny ambangovangony fotsiny.

SUPERFICIELLEMENT, *adv.* 1° Ivelany. 2°—, Ambangovango.

SUPERFIN, INE, *adj.* Tsara indrindra. Drap—. Lopótra *tsara indrindra.*

—, *sm.* Ny tsara indrindra.

SUPERFLU, UE, *adj.* Tsy anerany, be loatra, mihoatra ny mety, ambimbava, foana. Ornements superflus. Haingo efa *tsy anerany, be loatra, mihoatra ny mety.* Biens superflus. *Ambin-bava.* Paroles superflues. Teny *foana.*

—, *sm.* Ambim-bava. Il donne son—aux pauvres. Omeny ny mahantra ny *ambim-bavany.*

SUPERFLUITÉ, *sf.* Zavatra tsy anerany, — be loatra, — mihoatra ny mety, zava-poana. A quoi bon cette —? Hatao inona itony *zavatra tsy anerany*, etc., itony?

SUPÉRIEUR, EURE, *adj.* 1° Ambony, mihoatra, indrindra, be dia be. Les étages supérieurs. Ny rihana *ambony.* Les classes supérieures. Ny olona *ambony* toetra. Officier —. Manamboninahitra *ambony.* Les ennemis étaient supérieurs en nombre. *Nihoatra* isa ny fahavalo. Il a une intelligence supérieure. Be saina *indrindra, be* saina *dia be* saina izy. 2° —, Tsy resy. Il est — aux revers. *Tsy resim*-pahoriana izy.

—, *sm.* Ny lehibe. Il faut obéir à ses supérieurs. Samy tsy maintsy hanaiky *ny lehibeny.*

SUPÉRIEUREMENT, *adv.* Ambony, mihoatra, tsara indrindra, tsara dia tsara. Il chante —. Mihira *tsara indrindra, tsara dia tsara* izy.

SUPÉRIORITÉ, *sf.* Fiamboniana, fahamboniana, fihoarana, fahefana. Il a la — sur vous presque en toute chose. Saika *amboninao, mihoatra* anao amy ny zavatra rehetra izy. Il fait sentir sa —. Mampiseho ny *fiamboniany,* ny *fahamboniany,* ny *fahefany* izy.

SUPERLATIF, IVE, *adj.* Milaza toetra ambony indrindra na ambany indrindra, milaza toetra tsara indrindra na ratsy indrindra.

—, *sm.* Teny milaza toetra ambony indrindra na ambany indrindra, — toetra tsara indrindra na ratsy indrindra. — relatif. *Teny milaza toetra ambony indrindra na ambany indrindra,* etc. — absolu. *Teny milaza toetra ambony dia ambony na ambany dia ambany, — toetra tsara dia tsara na ratsy dia ratsy.*

Au superlatif, *loc. adv.* Indrindra, be dia be, izaitsizy. Il est bête au —. Adala *indrindra, adala dia adala,* adala *izaitsizy* izy.

SUPERLATIVEMENT, *adv.* Indrindra, be dia be, izaitsizy.

SUPERPOSER, *va.* Mampifanongoa.

SUPERPOSITION, *sf.* Fampifanongoavana, fifanongoavana.

SUPERSTITIEUSEMENT, *adv.* 1° Be fadifady, manaraka fomban-tsampy, minomino foana. 2°—, Misy fadifady, misy fomban-tsampy.

SUPERSTITIEUX, EUSE, *adj* et *s.* 1° Be fadifady, manaraka fomban-tsampy, minomino foana. Il est —. *Be fadifady,* etc., izy. 2°—, Misy fadifady, misy fomban-tsampy, misy finoana adala. Culte —. Fivavahana *misy fadifady,* etc.

SUPERSTITION, *sf.* Fadifady, fomban-tsampy, finoana adala.

SUPPLANTER, *va.* Mandresy an-tosika. Il a supplanté son rival. *Naharesy an-tosika* izay nifaninana taminy izy.

Se supplanter, *vpr.* Mifandresy an-tosika.

SUPPLÉANT, ANTE, *adj.* et *s.* Mpisolo, mpanampy.

SUPPLÉER, *va.* Misolo, manampy, mameno. — quelqu'un. *Misolo* olona. — ce qui manque dans un auteur. *Manampy, mameno* izay tsy ao amy ny boky anankiray. — les cérémonies du baptême. Manao ny *fanampin'* ny batemy. — ce qui manque à une somme. *Mameno* izay tsy ampy amy ny vola.

—, *vn.* Misolo, mameno. Le travail ne peut — au génie. Ny asa tsy *mahasolo* ny halalinan-tsaina. La valeur supplée au nombre. Ny herim-po no *mameno* ny isa.

Se suppléer, *vpr.* Soloana. L'amour maternel ne se supplée pas. Tsy azo *soloana* ny fitiavan' ny reny niteraka.

SUPPLÉMENT, *sm.* Fanampy, fameno. Le — d'un livre. Ny *fanampin'* ny boky anankiray.

SUPPLÉMENTAIRE, *adj.* Misolo, manampy, mameno.

SUPPLIANT, ANTE, *adj.* et *s.* Mifona.

SUPPLICATION, *sf.* Fifonana, fihantana, fitalahoana.

SUPPLICE, *sm.* 1° Fampijaliana, fahafatesana, famonoana. Il subit le — du fouet. *Nampijalina* tamy ny kotopia izy. Les supplices éternels. Ny *fampijaliana* mandrakizay. La goutte est un —. *Mampijaly* ny gaotra. Condamner quelqu'un au dernier —. Manameloka olona ho *faty*. On le mena au —. Nentina tany amin' izay *hampijaliana, hamonoana* azy izy. 2° *fig.* Zavatra mahadikidiky, ahiahy be. C'est un — pour moi d'entendre cet homme-là. *Mahadikidiky* ahy ny mihaino io lehilahy io. L'avarice a ses supplices. Miteraka *ahiahy be* ny fahihirana.

SUPPLICIÉ, ÉE, *adj.* et *s.* Novonoinko faty.

SUPPLICIER, *va.* Mamono ho faty.

SUPPLIER, *va.* Mifona, mihanta, milela-paladia, mitalaho. Je vous supplie, Monsieur, d'aller le voir. *Mifona, mihanta* aminao aho, *lelafiko* ny *faladianao*, Tompokolahy, mba vangio kely izy. Nous vous supplions, ô mon Dieu, par les mérites de Jésus-Christ. Izahay *mifona, mihanta, mitalaho* aminao, *milela-paladia* anao, ry Andriamanitra, noho ny soa nataony Jeso-Kristy.

SUPPLIQUE, *sf.* Fangatahana. Voy. Requête.

SUPPORT, *sm.* Tohana. Comme Soutien.

SUPPORTABLE, *adj.* 1° Azo leferina, zaka. Le froid est —. *Azo leferina*, etc., hiany ny hatsiaka. 2°—, Tsy azo tsinina loatra. Si cette expression n'est pas fort bonne, elle est du moins —. Tsy tsara loatra ity fombam-pitenenana ity, kanefa *tsy azo tsinina loatra*.

SUPPORTER, *va.* 1° Manohana. Ces colonnes supportent la maison. *Manohana* ny trano ireo andry ireo. 2°—, Mandefitra, mihafy, miaritra, maharitra, mahazaka, mahatanty, mahaleo. — le froid. *Mandefitra, mihafy, miaritra, maharitra, mahazaka, mahatanty* ny hatsiaka. — l'infortune. *Mandefitra, maharitra, mahazaka* fahoriana. Cette marmite supporte le feu. *Maharitra* ny afo io vilany io. Ce navire ne supporterait pas la mer. Tsy *haharitra*, tsy *hahaleo* ny herin' ny ranomasina io sambo io.

Se supporter, *vpr.* Mifandefitra.

SUPPOSABLE, *adj.* Heverina. Cela n'est pas —. Tsy azo *heverina* izany.

SUPPOSÉ, ÉE, *adj.* Sandoka. Lettre supposée. Taratasy *sandoka*. Nom —. Anarana *sandoka*. || *loc.* Des créanciers supposés. Mpanombo-trosa. Cela —. Raha marina izany, raha tahaka izany. — que.... Raha toa....

SUPPOSER, *va.* 1° Manao ho marina. Vous supposez une chose impossible. *Manao ho marina* ny zavatra anankiray tsy azo heverina hianao. 2°—, Manao, mihevitra. Je suppose qu'il est honnête homme. *Ataoko, heveriko* fa lehilahy tsara fanahy izy. 3°—, Manandoka. — un testament. *Manandoka* farahafatra. 4°—, Raha tsy. L'éloquence suppose un esprit sage. Tsy misy mahay mandaha-teny *raha tsy* manampahendrena.

Se supposer, *vpr.* Manao, mihevitra. Il se suppose à la campagne. *Ataony, heveriny* fa any an-tsaha izy.

SUPPOSITION, *sf.* 1° Zavatra atao ho marina ao an-tsaina fotsiny. Cette — est inadmissible. Tsy azo inoana izany *zavatra atao ho marina ao an-tsaina fotsiny* izany. || *loc.* Dans cette —. Raha marina izany, raha tahaka izany. Dans la — que.... Raha toa.... 2° —, Vinany, hevitra. Ce qu'il dit là est une pure —. *Vinany* fotsiny izay lazainy. Vous faites des suppositions singulières. Mamoron-*hevitra* hafahafa hianao. 3°—, Fanandohana.

SUPPÔT, *sm.* Mpiray tetika. Un — de Satan. Olona *mpiray tetika* aminy Satana, karin' olona.

SUPPRESSION, *sf.* 1° Fisakanana tsy hiseho, fanesorana. 2°—, Tsy fandehanana. — de transpiration. *Tsy fandehanan'* ny tsemboka.

SUPPRIMER, *va.* 1° Misakana tsy hiseho, manesotra. — un journal. *Misakana* gazety *tsy hiseho*. — un acte. *Manesotra* taratasy misy fanekena. — un mot. *Manesotra* teny anankiray. — des impôts. *Manesotra* hetra. 2°—, Tsy milaza. Supprimez ces détails. *Aza milaza* ireo zavatra madinika ireo.

SUPPURATIF, IVE, *adj.* Mamoaka nana, mampandeha nana.

—, *sm.* Fanafody mamoaka nana.

SUPPURATION, *sf.* Fivoahan' ny nana.
SUPPURER, *vn.* Mivoaka nana, mandeha nana.
SUPPUTATION, *sf.* Fanisana.
SUPPUTER, *va.* Manisa.
SUPRÉMATIE, *sf.* Fiambonіana. Cette nation a conservé la — dans le commerce. Izany firenena izany nahatana ny *fiamboniana* amy ny varotra.
SUPRÊME, *adj.* 1° Ambony indrindra. Pouvoir —. Fahefana *ambony indrindra*. 2°—, Farany. Le moment —. Ny tapak' andro *farany*, ny andro hahafatesana.
Au suprême degré, *loc. adv.* Indrindra, be dia be, izaitsizy.
SUR, *prép.* 1° Ambony, amy. S'étendre — l'herbe. Mivalandótra *ambonin'* ny ahitra. Les étoiles sont — nos têtes. Any *ambonin'* ny lohantsika ny kintana. Écrire — une ardoise. Manoratra *amy* ny solaitra. — cette somme, il faut retrancher dix piastres. *Amin'* io vola io tsy maintsy hanesorana ariary folo. —dix œufs, il n'y en avait pas un de bon. *Tamy* ny atody folo, tsy nisy iray tsara. Il règne — plusieurs nations. Manjaka *amy* ny firenena maro izy. —ce. *Amin'* izany, *amin'* izay. 2°—, Amorona, manolotra, mitodika, manatrika. Une maison — le grand chemin. Trano anankiray *amorona, manolotra* ny arabe. Il a deux fenêtres — la rue. Manana varavaran-kely roa *mitodika, manatrika* ny arabe izy. 3°—, Momba, ny amy ny. Qu'a-t-on décidé — cela ? Inona no zavatra naraikitra *momba* izany, *ny amin'* izany ? 4°—, Araka, noho. Juger de quelqu'un — la mine. Mitsara olona *araka* ny endriny. Il l'excusa — son âge. Izy nanala tsiny azy *noho* ny taonany. 5°—, Tokony, sahabo, efa ho. Il vint—le midi. Tonga *tokony, sahabo* tamy ny roa amby ny folo antoandro izy. Il est — son départ. *Efa* hiainga izy.
SÛR, SÛRE, *adj.* 1° Marina, to, tsy misy isalasalana, azo itokiana, mahatoky. Ce qu'il dit est—. *Marina, to, tsy misy isalasalana* izay lazainy. Ce profit est—. *Tsy misy isalasalana, azo itokiana* fa ho azo izany tombom-barotra izany. Les chemins sont sûrs. *Azo itokiana, mahatoky* ny lálana. Le temps n'est pas—. Tsy *azo itokiana* ny toetry ny andro. C'est un ami—. Sakaiza *mahatoky* io. 2°—, Mahomby, kinga, tsara, mahay. Remède—. Fanafody *mahomby*. Il a la main sûre. *Kinga* tánana izy. Il a la mémoire sûre. Mahatadidy *tsara* izy. Ce cheval a le pied—. *Mahay* mandeha io soavaly io. 3°—, Mahalala marina, mahafantatra marina, matoky. Je suis — que cela est. *Mahalala marina* aho, *fantatro marina* fa izany no izy. Je suis — de lui. *Matoky* azy aho.
A coup sûr, pour sûr, *loc. adv.* Tsy misy isalasalana.
SURABONDAMMENT, *adv.* Be loatra, foana, mihoa-pampana.
SURABONDANCE, *sf.* 1° Habetsahana. 2°—, Habetsahan-doatra, hafoanana, fihoa-pampana.
SURABONDANT, ANTE, *adj.* 1° Be dia be, diso vala, sesehena. 2°—, Be loatra, foana, mihoa-pampana. Ce que vous ajoutez est—. *Be loatra*, zava-*poana* ny anampinao.
SURABONDER, *vn.* 1° Be dia be, diso vala, sesehena, betsaka. Les denrées surabondent. *Be dia be*, etc., ny varotra. 2°—, Be loatra, foana, mihoa-pampana. Où le péché abondait, la grâce a surabondé. Be ny ota, fa *nihoa-pampana* ny fahasoavana.
SURAJOUTER, *va.* Manampy indray.
SURANNÉ, ÉE, *adj.* Antitra, tranainy. Passe-port —. Pasipaoro *antitra*. Mode surannée. Lamody *antitra*. Habit —. Akanjo *tranainy*.
SURBAISSÉ, ÉE, *adj.* Iva loha. Voûte surbaissée. Andohalambo *iva loha*.
SURCHARGE, *sf.* 1° Fanampin' entana, tsindrin' entana. 2° *fig.* Fanampimpahasahiranana.
SURCHARGÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Novesarana entana loatra, mavesatra —, notsindriana entana be loatra. 2° *fig.* Be loatra, tototra —. Il est — de travail. *Be*, *toto*-draharaha *loatra* izy.
SURCHARGER, *va.* 1° Mamesatra entana be loatra, manindry entana be loatra. Vous avez surchargé ce cheval. *Namesatra entana be loatra, nanindry entana be loatra* io soavaly io hianao. 2° *fig.* Manototra loatra.
Se surcharger, *vpr.* 1° Mivesatra entana loatra. || *loc.* Se — l'estomac. Homana be loatra. 2° *fig.* Miandraikitra raharaha be loatra.
SURCROÎT, *sm.* Fanampy. Pour — de malheur. Ho *fanampim*-pahoriana.
SURDENT, *sf.* Nify sosona.

SURDITÉ, *sf.* Harenina, hadonto.

SUREAU,*sm.* Karazan-kazo be votoaty.

SÛREMENT, *adv.* 1° Amin-toky. Vous pouvez marcher —. Mahazo mandroso *amin-toky* hianao. 2°—, Tsy misy isalasalana. Il viendra —. *Tsy misy isalasalana* fa ho avy izy.

SURENCHÈRE, *sf.* Fanongonam-barotra indray.

SURENCHÉRIR, *vn.* Manongom-barotra indray.

SURENCHÉRISSEUR, *sm.* Mpanongom-barotra indray.

SURÉROGATION, *sf.* Zavatra atao fitia tsy mba hetra, zavatra tsy didy fa sitraka.

SURÉROGATOIRE, *adj.* Atao fitia tsy mba hetra, tsy didy fa sitraka.

SÛRETÉ, *sf.* 1° Toky, tsy fahatahorana, fandriana fehizay, tsy fiahiahiana. Il n'y a pas de — à demeurer là. Tsy *mahatoky, mahatahotra* ny mitoetra ao. Il est en —. *Tsy matahotra, tsy* manana *ahiahy* intsony izy. La — publique est bien établie. *Mandry fehizay* ny tany. Serrure de —. Hidy *mahatoky*. Vous pouvez agir ainsi en toute— de conscience. *Tsy* misy *ahiahinao* raha manao izany. 2—, Antoka. Donner des sûretés. Mametraka *antoka*. 3°—, Hakingana, hatsarana, fahaizana. Il a une grande— de main. *Kinga* tànana izy. Voy. Sûa.

SUREXCITATION, *sf.* 1° Fanairana. 2°—, Hatezerana.

SUREXCITÉ, ÉE, *adj.* 1° Taitra. 2°—, Tezitra, misafoaka.

SUREXCITER, *va.* 1° Manaitra. 2° *fig.* Mahatezitra, mampisafoaka.

SURFACE, *sf.* 1° Voho, ivelany, fanambony, zavatra. La — de la terre. Ny *vohon'* ny tany. La — du corps. Ny *ivelan'* ny vatana. La — de l'eau. Ny *fanambonin'* ny rano. — raboteuse. *Zavatra* maraorao. 2° *fig.* Endrika, raviny, ivelany. Il s'arrête à la — des choses. Mandinika fotsiny ny *endri*-javatra, ny *ravindravin*-javatra, ny *ivelambelany* amy ny zavatra izy.

SURFAIRE, *va.* 1° Manao lafo loatra, mivaro-bolony. 2°—, Midera loatra.

SURGEON, *sm.* Solofon-kazo.

SURGIR, *vn.* Miposaka, mitranga. Des difficultés surgissent. Misy zava-tsarotra maro *miposaka*, etc.

SURHAUSSEMENT, *sm.* Hahavo loha, fisondrotam-bidy.

SURHAUSSER, *va.* Manao avo loha, mampisondro-bidy. — une voûte. Manao andohalambo *avo loha*. — une marchandise. *Mampisondrotra vidim*-barotra anankiray.

SURHUMAIN, AINE, *adj.* Mihoatra ny any ny olona.

SURINTENDANCE,*sf.* Fitandremana.

SURINTENDANT, *sm.* Mpitandrina. — des finances. *Mpitandrina* ny volampanjakana.

SURLENDEMAIN, *sm.* Afakampitso. Le — de mon départ. Tamy ny *afakampitson'* ny nialako.

SURMENER, *va.* Manasatra biby loatra. — un cheval. *Manasatra* soavaly *loatra*.

SURMONTABLE, *adj.* Azo resena. Obstacle —. Sampona *azo resena*.

SURMONTER, *va.* 1° Mihoatra. L'eau surmonte les digues. *Mihoatra* ny fefiloha ny rano. 2°—, Ambony. Le lit est surmonté d'un baldaquin. Misy tataro eo *ambonin'* ny farafara. 3° *fig.* Mandresy, mihoatra. — sa colère. *Mandresy* ny hatezerany. Il a surmonté ses concurrents. *Nandresy, nihoatra* ny mpifaninana taminy izy.

Se surmonter, *vpr.* Mahafehy tena, manindry fo, manonom-po.

SURNAGER, *vn.* 1° Mitsinkafona, misavoana. 2° *fig.* Maharitra. La vérité surnage toujours. *Maharitra* mandrakariva ny marina.

SURNATUREL, ELLE, *adj.* 1° Mihoatra ny herin' olombelona, mihoatra ny toetry ny olombelona, avy amin' Andriamanitra. Puissance surnaturelle. Fahefana *mihoatra ny herin' olombelona*. La grâce est un don —. Ny fahasoavana dia fanomezan' Andriamanitra *mihoatra ny toetry ny olombelona*. Vérités surnaturelles. Teny finoana *nambaran' Andriamanitra*. 2°—, Mahagaga. Cet enfant a un esprit —. *Mahagaga* ny sain' io zazalahy io.

—, *sm.* Zavatra mihoatra ny herin' olombelona, etc.

SURNATURELLEMEMT, *adv.* Mihoatra ny herin' olombelona, etc.

SURNOM, *sm.* Fanampin' anarana.

SURNOMMÉ, ÉE, *adj.* Nampiana anarana. Il fut — le Grand. *Nampiana anarana* hoe Ilay malaza izy.

SURNOMMER, *va.* Manampy anarana.

SURNUMÉRAIRE, *adj.* Mihoatra ny isa raikitra. Employé —. Mpanao raharaha *mihoatra ny isa raikitra.*

—, *sm.* Ambin' ny mpanao raharaha tsy mahazo karama.

SURNUMÉRARIAT, *sm.* Andro sasany anaovan' ny *surnuméraire* raharaha.

SURPASSER, *va.* 1° Mihoatra. Il le surpasse d'un empan. *Mihoatra* azy irain-jehy izy. 2° *fig.* Mihoatra, tsy takatra. Il les surpasse tous en science. *Mihoatra* azy rehetra amy ny fahaizana izy. Cela surpasse ma portée. *Tsy takatry* ny saiko izany. 3°—, Mahagaga. Cet événement me surpasse. *Mahagaga* ahy izany zavatra miseho izany.

Se surpasser, *vpr.* Manao tsaratsara kokoa noho ny taloha.

SURPAYER, *va.* Mividy lafo loatra, manakarama be loatra.

SURPLIS, *sm.* Akanjo fotsy malala-tánana fanaon' ny pretra.

SURPLOMB, *sm.* Fandondona, fandomba.

SURPLOMBER, *vn.* Mandondona, mandomba. Ce mur surplombe. *Mandondona*, etc., io ampiantany io.

SURPLUS, *sm.* Ambiny. Je vous abandonne le —. Afoiko ho anao ny *ambiny.*

Au surplus, *loc. adv.* Ary koa, kanefa.

SURPRENANT, ANTE, *adj.* Mahagaga, mahataitra.

SURPRENDRE, *va.* 1° Mahazo ambody omby, mahazo an-tánana, mankatratra. — un voleur. *Mahazo* mpangalatra *am-body omby.* — un enfant en faute. *Mahazo an-tánana* zazalahy manao hadisoana. 2°—, Manampoka, misovoka. — l'ennemi. *Manampoka*, etc., ny fahavalo. La mort nous surprend. *Tampohina, sovohin'* ny fahafatesana isika. 3°—, Mamitaka, manodóka, mahazo am-pitaka, maka an-tsokosoko, mahita tampoka. Il s'est laissé — par ses promesses. *Voafitaka, voasodóky* ny teny napetrany izy. Il a surpris ma signature. *Nahazo am-pitaka* ny soniako izy. — des lettres. *Maka an-tsokosoko* ny taratasy ampitondraina. 4°—, Mahagaga, manaitra. Cette nouvelle m'a surpris. *Nahagaga, nanaitra* ahy izany zava-baovao izany. Ne surprenez pas votre cheval. Aza *tairina* ny soavalinao.

Se surprendre, *vpr.* Mahita tampoka. Je me suis surpris à pleurer. *Hitako tampoka* fa nitomany aho.

SURPRISE, *sf.* 1° Fanampohana, fisovohana, sovoka, sovok' ady. 2°— Fitaka, sodóka. 3°—, Figagana, fanairana, fahatairana.

SURSAUT, *sm.* Fahatairana. S'éveiller en —. Mifoha amim-*pahatairana.*

SURSÉANCE, *sf.* Fanemorana, fampihemorana.

SURSEOIR, *va.* et *vn.* Manemotra, mampihemotra. On a sursis le jugement. *Nahemotra* ny fitsarana.

SURSIS, ISE, *p.* et *adj.* Nahemotra, nohemorina.

—, *sm.* Fanemorana, andro. Il a obtenu un —. Nahazo *andro* izy.

SURTAXE, *sf.* 1° Fanampin-ketra, fanampim-padintseranana, etc. 2°—, Hetra be loatra, fadintseranana be loatra.

SURTAXER, *va.* Mampandoa hetra be loatra, — fadintseranana be loatra.

SURTOUT, *adv.* Indrindra.

—, *sm.* Akanjobe, palitao lava.

SURVEILLANCE, *sf.* Fitandremana, fanaovana andry maso.

SURVEILLANT, ANTE, *s.* Mpitandrina.

SURVEILLER, *va.* et *vn.* Mitandrina, manao andry maso. — les travaux. *Mitandrina* ny raharaha. — quelqu'un. *Mitandrina*, etc., olona.

SURVENANT, ANTE, *adj.* et *s.* Tonga tampoka.

SURVENDRE, *va.* Manao lafo loatra, mivaro-bolony.

SURVENIR, *vn.* 1° Tonga tampoka. Un loup survint. Nisy amboadia anankiray *tonga tampoka.* 2°—, Miampy. Si la fièvre survenait, c'est un homme mort. Raha *miampy* tazo ny aretin' io olona io, dia maty izy.

SURVENTE, *sf.* Fanaovana lafo loatra.

SURVIVANT, ANTE, *adj.* et *s.* Sisa velona, velona aoriana.

SURVIVRE, *vn.* 1° Velona aoriana. Il a survécu à ses enfants. *Velona taorian'* ny zanany izy. 2° *fig.* Velon-dratsy. — à son honneur. *Velon-dratsy.* afa-baráka.

SUS, *prép.* Courir — à quelqu'un Manenjika olona mba hisambotra na hamono azy.

—, *int.* Mahereza. —aux armes. *Mahereza*, raiso ny fiadiana !

En sus, *loc. adv.* Ambony. Il a touché des gratifications en — de ses appointements. Nahazo fankasitrahana *ambonin'* ny karamany izy.

SUSCEPTIBILITÉ, *sf.* Hasarotiny.

SUSCEPTIBLE, *adj.* 1° Azo, misy, azo akana. Cette maison est — d'améliorations. *Azo* amboarina tsaratsara kokoa io trano io. Ce verset est — de plusieurs sens. *Misy, azo akana* hevitra maro io andininy io. 2° *fig.* Mora sosotra, sarotiny, mora mararin-teny. Il est fort —. *Mora sosotra*, etc., loatra izy.

SUSCITER, *va.* 1° Maniraka. Dieu a suscité des prophètes. Andriamanitra *naniraka* mpaminany. 2°—, Mananganа, mampitranga, mamoky. —des obstacles. *Manangan*-tsampona. —des embarras. *Mampitranga* fahasahiranana. Il les a suscités contre moi. *Namoky* azy ireo mba hanohitra ahy izy. ‖ *loc.* — lignée à son frère. Mamelo-maso ny rahalahiny.

SUSCRIPTION, *sf.* Ladiresy, sonia. Voy. Adresse.

SUSDIT, ITE, *adj.* Voalaza teo. La susdite maison. Ilay trano *voalaza teo*.

SUSPECT, ECTE, *adj.* Mampiahiahy, ahihina. Cet homme m'est —. *Mampiahiahy* ahy, *ahihiko* io olona io. Il est — d'entretenir des intelligences avec l'ennemi. *Ahihina* ho miray tetika amy ny fahavalo izy.

SUSPECTER, *va.* Miahiahy. On suspecte sa doctrine. *Ahihina* ny fampianarana ataony.

SUSPENDRE, *va.* 1° Manantona. — une lampe. *Manantona* fanaovan-jiro solika. 2° *fig.* Mampitsahatra andro vitsivitsy, mitsahatra, mijanona. On a suspendu les hostilités. *Natsahatra andro vitsivitsy* ny ady. — son ressentiment. *Mitsahatra* tsy hanao lolom-po. Les troupes ont suspendu leur marche. *Nijanona* tsy nandroso ny miaramila. Il a suspendu son travail. *Nijanona* tsy niasa izy. 3°—, Manesotra andro vitsivitsy amy ny raharahany. — un officier. *Manesotra* manamboninahitra anankiray *amy ny raharahany* mandritra *andro vitsivitsy*.

Se suspendre, *vpr.* Mihantona. Se — à une branche. *Mihantona* amy ny rantsan-kazo.

SUSPENDU, UE, *p.* et *adj.* 1° Nahantona, mihantona, mihevaheva, mihalohalo. Les nues sont suspendues en l'air. *Mihevaheva, mihalohalo* eny amy ny habakabaka ny rahona. Pont —. Tetezana *mihevaheva, mihalohalo*. Voiture suspendue. Kalesy *mihevaheva* ambony vimiaina. 2° *fig.* Natsahatra, mitsahatra, mijanona. 3° —, Nesorina tamy ny raharahany andro vitsivitsy.

SUSPENS (EN), *loc. adv.* 1° Misalasala, miroahana, mihambahamba. 2°—, Mihantona, tsy tapaka. L'affaire est en —. *Mihantona*, etc., ny raharaha.

SUSPENSIF, IVE, *adj.* Mampitsahatra.

SUSPENSION, *sf.* 1° Fanantonana, fihantonana. 2° *fig.* Fitsaharana andro vitsivitsy, fitsaharana, fijanonana. 3°—, Fanesorana andro vitsivitsy amy ny raharaha.

SUSPICION, *sf.* Fiahiahiana, ahiahy. Voy. Soupçon.

SUSTENTATION, *sf.* Famelomana, fivelomana.

SUSTENTER, *va.* Mamelona.

Se sustenter, *vpr.* Ivelomana. Il n'a pas de quoi se —. Tsy manan-*kivelomana* izy.

SUTURE, *sf.* Vitrany. Les sutures du crâne. Ny *vitran'* ny karan-doha.

SUZERAIN, AINE, *adj.* et *s.* Andrian-tompom-bodivona mifehy andriantompom-bodivona hafa.

SUZERAINETÉ, *sf.* Fiambonian' ny *suzerain*.

SVELTE, *adj.* Manifinify, kivahimbahiny. Femme —. Vehivavy *manifinify*, etc.

SYBARITE, *sm.* Mpanaram-batana.

SYCOMORE, *sm.* Amontana.

SYLLABAIRE, *sm.* Fiandoha-mianatra, lesona.

SYLLABE, *sf.* Vakiteny iray.

SYLLABIQUE, *adj.* Momba ny vakiteny.

SYLVESTRE, *adj.* Anatin' ny ala.

SYMBOLE, *sm.* 1° Ohatra. Le lion est le — de la force. Ny liona no *ohatra* amy ny hery. 2°—, Filazana ny teny finoana, simboly.

SYMBOLIQUE, *adj.* Misy ohatra.

SYMBOLISER, *va.* Manohatra. Cette statue symbolise la force. *Manohatra* ny hery io sariolona io.

SYMÉTRIE, *sf.* Fifanarahana, filahatra.

Ces deux portes feront —. *Ifanaraka* ireo varavarana roa ireo. Observer la —. *Mampifanaraka, mandahatra* zavatra. La — du corps humain. Ny *filahatry* ny vatan' ny olombelona.

SYMÉTRIQUE, *adj.* Mifanaraka. milahatra. Des phrases symétriques. Fehezan-teny maro *mifanaraka.*

SYMÉTRIQUEMENT, *adv.* Mifanaraka. milahatra.

SYMÉTRISER, *vn.* Mifanaraka, milahatra.

SYMPATHIE, *sf.* Fifanarahana, fifankatiavana. Il y a de la — entre eux. *Mifankatia* izy ireo.

SYMPATHIQUE, *adj.* Mifanaraka, mifankatia.

SYMPATHISER, *vn.* Mifanaraka, mifankatia. Leurs caractères sympathisent. *Mifanaraka* ny toe-panahin' izy ireo.

SYMPHONIE, *sf.* 1° Fifanarahan' ny zava-maneno maro. 2°—. Zava-maneno maro miaraka amy ny feo.

SYMPTÔME, *sm.* 1° Famantarana manambara ny toetr' aretina, lazon' aretina. 2° *fig.* Famantarana, fanambarana. Les pleurs sont le — de la douleur. Ny ranomaso no *famantarana,* no *manambara* ny alahelo.

SYNAGOGUE, *sf.* Synagoga, trano fivavahan' ny Jody.

SYNCHRONIQUE, *adj.* Tableau —. Takela-taratasy misy filaharan-javatra niara-niseho tamy ny tany samihafa.

SYNCHRONISME, *sm.* Fiarahana.

SYNCOPE, *sf.* Hatoranana.

SYNDIC, *sm.* Mpiadidy ny raharahan' ny fikambanana anankiray.

SYNDICAL, ALE, *adj.* Momba ny raharahan' ny *syndic.*

SYNDICAT, *sm.* 1° Raharahan' ny *syndic.* 2°—, Fikambanana. Former un —. Mamorona *fikambanana* anankiray.

SYNODAL, ALE, *adj.* Momba ny *synode.*

SYNODALEMENT, *adv.* Amy ny *synode.*

SYNODE, *sm.* Fivorian' ny pretra vorin' ny eveka.

SYNONYME, *adj.* et *sm.* Teny mitovy hevitra amy ny teny hafa.

SYNONYMIE, *sf.* Fitovian-kevitry ny teny samihafa.

SYNONYMIQUE, *adj.* Momba ny fitovian-kevitry ny teny samihafa.

SYNOPTIQUE, *adj.* Mampiseho ankapobe ny zavatra samihafa. Tableau — d'une science. Takela-taratasy *mampiseho ankapobe ny zavatra samihafa* momba ny fahaizana anankiray.

SYNTAXE, *sf.* Fandaharan-teny araka ny gramara, lalána momba ny fandaharan-teny araka ny gramara.

SYPHILIS, *sf.* Fery mihady, kobay, tety, farasisa.

SYPHILITIQUE, *adj.* Momba ny *syphilis.*

SYSTÉMATIQUE, *adj.* 1° Momba ny fampianarana anankiray. 2°—. Miankina amy ny fampianarana foronin' ny saina fotsiny, mamorona fampianarana vaovao. Opinion—. Hevitra *miankina amy ny fampianarana foronin' ny saina fotsiny.* Esprit —. Olona *mamorona fampianarana vaovao.*

SYSTÈME, *sm.* 1° Fampianarana. Il a imaginé un nouveau —. Namorona *fampianarana* vaovao izy. 2°—, Zavatra maro mitambatra, fomba. Le — nerveux. Ny hozatra rehetra *mitambatra.* —de gouvernement. *Fombam*-panjakana. —métrique. *Fomba* fandrefesana, fandanjana sy famarana miankina amy ny metatra.

T

TA, *adj. poss. f.* Voy. Ton.

TABAC, *sm.* Paraky. ‖ *loc.* — marron. Sevabe.

TABATIÈRE, *sf.* Tabatera, batora, tongobolo.

TABERNACLE, *sm.* Tranolay, tabernaloka.

TABLATURE, *sf.* Donner de la — à quelqu'un. Manahirana olona.

TABLE, *sf.* 1° Latabatra. — à manger. *Latabatra* fihinanana. La sainte —. Ny *latabatra* masina. — de nuit. *Latabatra* kely fametraka ao akaikin' ny fandriana. 2°—, Hanina fihinana, fihinanana. Il

a une bonne —. Tsara ny *hanina fihinany*. Se metre à —. Mipetraka *hihinana*. Tenir — ouverte. Mandray olona na iza na iza mba biara-*mihinana* aminy. Donner la — à quelqu'un. Mamelona olona ary mampiara-*mihinana* azy aminy. — d'hôte. *Fihinanana* ao antranom-bahiny misy fotoana sy vidiny raikitra. Rester sous la —. Mamo tsy afa-miala eo am-*pihinanana*. 3°—, Vato fisaka, takelaka, fizahan-takelaka, takela-taratasy. Les tables de la loi. Ny *vato fisaka* nanoratan' Andriamanitra ny lalàna. — de marbre. *Takela*-marba. La — d'un livre. Ny *fizahan-takelaka* amy ny boky anankiray. — de Pythagore. *Takela-taratasy* misy fampitomboana.

TABLEAU, *sm.* 1° Sary voahoso-doko. —d'église. *Sary voahoso-doko* ho any ny trano leglizy. 2°—, Zavatra mahatę-hijery, fampisehoana. Cette plaine offre un — ravissant. *Zavatra mahatę-hijery* izany tany lemaka izany. Faire un — des vices et des vertus des hommes. *Mampiseho* ny haratsiana sy ny hatsarampanahin' ny olombelona. 3°—. Rejistra, takela-taratasy mampiseho ankapobe ny zavatra samihafa, tablao. Il est inscrit au—. Voasoratra amy ny *rejistra* izy. —historique. *Takela-taratasy mampiseho ankapobe ny zavatra samihafa* momba ny tantara.

TABLETTE, *sf.* 1° Talantalana. Tablettes d'armoire. *Talantalana* maro anaty lalomoara. 2°—, Takelaka. —de chocolat. *Takela*-tsokolà. 3°—, Fàfana.

TABLIER, *sm.* Aron' akanjo anoloana.

TABOURET, *sm.* Seza bory, akalana.

TACAMACA, *sm.* Vintanina (hazo).

TACHE, *sf.* 1° Loto, pentina, tandra, hoditoho, pánda. Habit plein de taches. Akanjo rakotra *loto, pentina*. Un chien blanc qui a des taches noires. Alika fotsy *mipentimpentina* mainty. Il a des taches au visage. Misy *tandra, hoditoho, pánda* ny tarehiny. 2° *fig.* Loto, pánda, tsiny, kilema, takaitra. La — du péché. Ny *lotom*-pahotana. La Vierge sans—. Ny Virjiny tsy azon' ny *loto*, tsy misy *pánda*. Il y a des taches dans cet ouvrage. Misy *tsininy, kilemany* io boky io. Cette action est une— dans sa vie. *Kilemany, takaitrany* tamy ny andro niainany izany nataony izany.

TÂCHE, *sf.* 1° Asa asaina atao amy ny andro voafetra, latasy, karama fohy, karama be. Voici la — que je vous donne pour aujourd'hui. Inty ny *asa, latasy* asaiko ataonao anio. Ces ouvriers travaillent à la—. Manao *latasy, karama fohy, karama be* ireo mpiasa ireo. 2° *fig.* Prendre à — de faire une chose Mikely aina mba hanao zavatra anankiray.

TACHER, *va.* 1° Mandoto, mamentina. Il a taché son habit avec de l'encre. *Nandoto, namentina* ranomainty ny akanjony izy. 2° *fig.* Mandoto, mampisy takaitra.

TÂCHER, *vn.* Mikely aina, manao izay. Tâchez de bien travailler. *Mikeleza aina* mba hiasa tsara. Il tâche à le déconcerter. *Manao izay* hahavery hevitra azy izy.

TACHETÉ, ÉE, *adj.* Mipentimpentina, vanga, maramara, sada, vandana. Chien blanc — de noir. Alika fotsy *mipentimpentina* mainty. — *vanga* mainty. Fleur tachetée de rouge. Voninkazo *maramara* mena. Bœuf — de blanc et de noir. Omby *sada* mainty. Chat —. Saka *vandambandana*.

TACHETER, *va.* Mamentimpentina, mamandambandana.

TACITE, *adj.* Tsy voalaza anefa fantatra rahateo. Convention—. Fanekena *tsy voalaza anefa fantatra rahateo*.

TACITEMENT, *adv.* Tsy lazaina nefa fantatra rahateo.

TACITURNE, *adj.* Vitsy teny, jomóka, mijomóka, jadina, mijadina, jinina, mijinijiny, jahidy, mijahidy, mongéna.

TACITURNITÉ, *sf.* Fijomóka, fijinijiny, fijahidy.

TACT, *sm.* 1° Fitsapana. Cela se connait au—. Fantatra izany raha *tsapaina*. 2° *fig.* Fitsarana, fahaizana olona, fahalalana fomba. Il a du—. Mahay *mitsara* zavatra, *mahay olona, mahalala fomba* izy.

TACTICIEN, *sm.* Mpahay tetik'ady.

TACTILE, *adj.* Azo tsapaina.

TACTIQUE, *sf.* 1° Fahaizana tetik'ady. 2° *fig.* Fitondrana, fanao. Il employa dans cette affaire une — fort adroite. Nampiseho fahendrena lehibe izy tamy ny *nitondrany* izany raharaha izany. C'est là sa — ordinaire. Izany no *fanaony* saika mandrakariva.

TAFFETAS, *sm.* Karazam-parasily.

TAFIA, *sm.* Toaka, barisa, betsabetsa.

TAÏAUT, Aoritsa.

TAIE, *sf.* Fonon'ondana.

TAILLADE, *sf.* 1° Ny voadidy, ratra. Il s'est fait une — au menton. *Nandidy, nandratra* ny somany izy. 2°—, Ny voadidy mitsangana, ny voatataka mitsangana. Il a fait une — dans cette étoffe. *Nodidiany, notatahany mitsangana* io lamba io.

TAILLADER, *va.* 1° Mandidy, mandratra. 2°—, Mandidy mitsangana, manataka mitsangana.

TAILLANDERIE, *sf.* Fanefem-by fiasana, tefy vy —.

TAILLANDIER, *sm.* Mpanefy vy fiasana.

TAILLANT, *sm.* Mason' antsy, lelan-java-maranitra. Aiguiser le — d'un couteau. Maka *mason' antsy.* Prendre un couteau par le —. Mandray antsy amy ny *lelany.*

TAILLE, *sf.* 1° Hahavo, halava, tsanganana, vatana, andilana. Il a une — moyenne. Antoniny ny *hahavony,* ny *halavany,* olona onony izy. Il a une haute —. *Avo* be, *lava* be, jaobe, rangaina izy. Qui a une belle —. *Tsanganana.* Il a la — courte. Fohy *vatana* izy. Elle a la — effilée. Kely *andilana* izy. 2°—, Lela sabatra. Frapper d'estoc et de—. Mamely amy ny loha sabatra sy ny *lelany.* 3°—, Fandidiana, fipaihana, fikapana, fandrantsanana, fanetezana, fandranitana. La—de cet habit ne vaut rien. Ratsy ny *nandidiana* io akanjo io. Pierre de —. Vato *voapaika, voakapa.* Il entend bien la — des arbres. Mahay *mandrantsana, manety* hazo izy.

TAILLÉ, ÉE, *p.* et *adj.* Voadidy, nodidiana, voapaika, nopaihina, voakapa, nokapaina, voarantsana, norantsanana, voahety, nohetezana, voaranitra, noranitana, tsanganana, bikána. Plumes taillées. Volom-borona *voaranitra.* Homme bien —. Olona *tsanganana, bikána.*

TAILLE-CRAYON, *sm.* Fandranitana pensily hazo.

TAILLE-DOUCE, *sf.* Fisokirana amy ny takela-barahina, sary atao amy ny takela-barahina voasokitra.

TAILLE-PLUME, *sm.* Fandranitambolom-borona.

TAILLER, *va.* 1° Mandidy, mipaika, mikapa, mandrantsana, manety, mandranitra. — des chemises. *Mandidy* akanjo lobaka. — du pain par morceaux. *Mandidididy* mofo. — la vigne. *Mandrantsana, manety* foto-boaloboka. 2° *fig.* — en pièces une armée. Mandresy tafika anankiray indrindra. — des croupières à quelqu'un. Manangan-tsampona amin' olona. — de la besogne à quelqu'un. Manototra raharaha o'ona, manome raharaha be olona, manangantsampona amin' olona.

TAILLEUR, *sm.* Mpandidy, mpanjaitra, mpipaika, mpikapa, tambato, mpandrantsana, mpanety. La boutique d'un —. Ny tranon' ny *mpanjaitra* anankiray. — de pierres. *Mpipai-bato, mpikapa* vato, *tambato.*

TAILLEUSE, *sf.* Vehivavy mpandidy akonjom-behivavy.

TAILLIS, *sm.* Kirihitr' ala.

TAIN, *sm.* Manjam-pitaratra.

TAIRE, *va.* Tsy milaza. — une circonstance. *Tsy milaza* zavatra madinika anankiray.

Se taire, *vpr.* 1° Mangina, tsy miteny. Tais-toi. *Mangina, aza mileniteny,* ry ley itý. Faire —. *Mampangina.* 2°—, Mitony, tsindriana. Les vents se turent à la voix de Jésus-Christ. Raha vao niteny Jeso-Kristy dia *nitony* ny rivotra. En de telles circonstances, les ressentiments doivent se —. Amy ny zavatra toy izany tsy maintsy *hotsindriana* ny lolom-po. Faire —. Mam*pitony, manindry.*

TALENT, *sm.* 1° Talenta, volan'ny ntaolo mitovitovy amy ny ariary arivo. 2° *fig.* Fahaizana, halalinan-tsaina, saina. Il a du — pour la peinture. *Mahay* hoso-doko izy. Homme de —. Lehilahy *mahay, lalin-tsaina,* be *saina.* 3°—, Olo-mahay. C'est un vrai —. *Mahay* tokoa izy.

TALION, *sm.* Valim-bonoana, tsimbalivaly. Il souffrit la peine du —. Azon' ny *valim-bonoana* izy. La loi du — veut que l'on crève un œil à celui qui a crevé un œil à un autre. Araka ny lalána taloha dia *tsimbalivaly* ny zavatra, ka izay namotsitra mason' olona dia mba potsirina koa ny azy.

TALISMAN, *sm.* Ody fanjambana, ody fankatoavana.

TALMUD, *sm.* Boky misy ny fombampivavahan' ny Jody izay vita taoriany Jeso-Kristy.

TALOCHE, *sf.* Po-doha. Il lui donna une —. *Nopohiny* ny *lohany.*

TALON, *sm.* 1° Ombalahin-tongotra, vody tongotra. L'os du —. Ny taolan' ny *ombalahin-tongotra,* etc. Il a le — écorché. Niempaka ny *ombalahin-tongo-*

ny. Remettre des talons à des souliers. Manisy *vody longo*-kiraro indray. 2° *fig*. Marcher sur les talons de quelqu'un. Manjohy olona akaiky. Il est toujours à mes talons. Manjohy, manenjika ahy lalandava izy. Tourner les talons. Miala. Montrer les talons. Miriatra, mandositra.

TALONNER, *va*. 1° Manjohy akaiky. 2° *fig*. Manenjika.

TALUS, *sm*. 1° Fisolampy. 2°—, Fisompirana. Couper une chose en —. Manapaka zavatra *misompirana*.

TAMARIN, *sm*. Voamadilo.

TAMARINIER, *sm*. Madilo.

TAMBOUR, *sm*. 1° Langorony. ‖ *loc*. — de basque. Amponga tapaka. 2°—, Mpively langorony. — major. Lehibeu' ny miaramila *mpively langorony*. 3°—, Aro rivotra ao am-baravarana.

TAMBOURIN, *sm*. Karazan-dangorony, ampongakely.

TAMBOURINER, *vn*. Mively langorony.

—, *va*. Mively langorony mba hitady zavatra very.

TAMBOURINEUR, *sm*. Mpively langorony.

TAMIS, *sm*. Sivana, fanintsanana.

TAMISAGE, *sm*. Fanasivanana, fanintsanana.

TAMISER, *va*. Manasivana, manintsana. — de la farine. *Manasivana, manintsana* lafarina.

TAMPON, *sm*. Tsentsina, tampina.

TAMPONNEMENT, *sm*. Fanentseanana, fanampenana.

TAMPONNER, *va*. Manentsina, manampina.

TAM-TAM, *sm*. Karazan' amponga tapaka vita amy ny metaly.

TAN, *sm*. Hodi-kazo fandoman-koditra.

TANCER, *va*. Mananatra, mitezitra. Comme RÉPRIMANDER.

TANDIS QUE, *loc. conj*. Raha, dieny mbola. Il s'amuse, — nous travaillons. Milalao izy *raha* miasa izahay. — vous êtes ici. *Dieny mbola* eto hianao.

TANGAGE, *sm*. Fisavoamboan' ny sambo.

TANGENCE, *sf*. Fifampikasihana.

TANGENT, ENTE, *adj*. Mikasika zavatra vorivory.

TANGENTE, *sf*. 1° Tsipika mahitsy mikasika tsipika vorivory. 2° *fig*. S'échapper par la —. Mabay miala, manao flalau'olon-kendry.

TANGIBLE, *adj*. Azo tsapaina.

TANGUE, *sf*. Trandraka.

TANGUER, *vn*. Misavoamboana.

TANGUIN, *sm*. Tangena. Faire boire le —. Mampisotro *tangena*, mampinona.

TANIÈRE, *sf*. Lava-biby dia.

TANIN, *sm*. Tsiron-kodi-kazo fandoman-koditra.

TANNAGE, *sm*. Fandoman-koditra.

TANNÉ, ÉE, *p*. et *adj*. 1° Voalona, nalona. Cuir bien—. Hoditra *voalona*, etc., tsara. 2°—, Mivolon-kodi-kazo fandoman-koditra. Drap—. Lopôtra *mivolon-kodi-kazo fandoman-koditra*.

TANNER, *va*. 1° Mandon-koditra. 2° *fig*. Manahirana, mahadikidiky.

TANNERIE, *sf*. Trano fandoman-koditra.

TANNEUR, *sm*. Mpandon-koditra.

TANT, *adv*. 1° Maro, betsaka, be dia be, be loatra. Il a — d'amis, qu'il ne manquera de rien. *Maro* sakaiza izy, ka tsy ho orin-javatra na inona na inona. Le jour qu'il plut —. Tamy ny andro nihavian' ny orana *betsaka, be dia be*. Il a — de bonté. *Be loatra* ny hazavam-pony. La grenouille enfla — qu'elle creva. Nibontsina *be loatra* ny sahona ka nitriatra. ‖ *loc*. Tous — que nous sommes. Isika rehetra. 2°—, Anona. Il est payé — par jour. Mahazo karama *anona* isan' andro izy. 3°—, Tahaka, tahaka izany. Ne criez pas —. Aza minananana *tahaka izany*.

Tant que, *loc. conj*. Raha mbola, amy ny andro rehetra. — qu'il sera malade. *Raha mbola* marary izy. —que je vivrai. *Raha mbola* velona koa aho, *amy ny andro rehetra* hiainako.

Tant mieux, *loc. adv*. Tsara izany.

Tant pis, *loc. adv*. Asa, ka hanao ahoana hianao. S'il ne se corrige pas, — pis pour lui. Raha tsy miova izy, *asa* azy. Si cela arrive, — pis. Raha sendra tonga izany, *ka hanao ahoana hianao*.

En tant que, *loc. conj*. Araka, amy. En — qu'homme. *Araka*, etc , ny fomban' olombelona.

Si tant est que, *loc. conj*. Raha tahiny.

Tant s'en faut que, *loc. conj*. Lavitra. — s'en faut qu'il y consente, qu'au contraire il y répugne. *Lavitra* azy ny manaiky izany, fa mainka vao tsy tiany velively akory aza.

Tant soit peu, *loc. adv*. Kely foana.

TANTE, *sf.* Anabavin-dray, rahavavin-dreny, vadin-drahalahin-dray, vadin' anadahin-dreny.

TANTÔT, *adv.* 1° Raha afaka kelikely, anikeheo. Je le reverrai —. Mbola hahita azy aho *raha afaka kelikely*. Je suis allé — chez vous. Tany aminao aho *anikeheo*. 2° —, Mbetika. Il est — laborieux, — paresseux. *Mbetika* mazoto miasa izy, *mbetika* kamo izy.

TAON, *sm.* Lalitr' omby.

TAPAGE, *sm.* Tabataba, kotaba, horakoraka.

TAPAGEUR, EUSE, *s.* Mpitabataba, mpikotaba, tsy ifandrenesana.

TAPE, *sf.* Paika. Il lui a donné une bonne —. *Nopaihiny* mafy izy.

TAPÉ, ÉE, *adj.* 1° Nohamainina tamy ny lafaoro. Pommes tapées. Paoma *nohamainina tamy ny lafaoro*. 2° —, Afitsoka. Voilà une réponse bien tapée. Tsara loatra lahy izany valin-teny *nafitsoka* azy izany.

TAPER, *va.* Mamaika, mikapoka. — un cheval. *Mikapoka* soavaly.

—, *vn.* 1° Mamaika, mamely, mandóna. — dur. *Mamely* mafy. — du pied. *Mandóna* tany amy ny tongotra. 2° *fig.* Mampanelonelo. Ce vin tape fort. *Mampanelonelo* an-doha izany divay izany.

Se taper, *vpr.* Mifamaika, mifamely.

TAPETTE, *sf.* Fivelosam-bosoa.

TAPINOIS (EN), *loc. adv.* An-tsokosoko.

TAPIOCA, *sm.* Tavolo mangahazo.

TAPIR (SE), *vpr.* Mamitsaka. Se — dans un coin. *Mamitsaka* amy ny zoro.

TAPIS, *sm.* 1° Karipeta, lamba fandrakofana. 2° *fig.* Un — de verdure. Ahimaitso mandrakotra ny tany. Mettre une affaire sur le —. Mamosaka rahararaha hodinihina. Être sur le —. Resahina.

TAPISSER, *va.* 1° Manemitra. 2° *fig.* Mandrakotra. La mousse tapisse cette grotte. *Rakotra* volom-bato io lava-bato io.

TAPISSERIE, *sf.* 1° Zaitra misoratsoratra atao amy ny lamba makarakara. 2° —, Lamba temitra misoratsoratra, temitra taratasy. 3° *fig.* Faire —. Manatrika fotsiny.

TAPISSIER, IÈRE, *s.* 1° Mpanao zaitra misoratsoratra. 2° —, Mpanao lamba temitra misoratsoratra, mpanao temitra taratasy, mpanemitra.

TAPOTER, *va.* Mamaipaika.

—, *vn.* Mitendritendry piano foana.

TAQUER, *va.* Mivoly filamatra amy ny lohavý.

TAQUET, *sm.* Tapa-kazo fanompanana mahazaka, tapa-kazo fanamafisana ny zoron-dalomoara.

TAQUIN, INE, *adj.* et *s.* Mpihetraketraka, mpanorisory.

TAQUINER, *vn.* et *va.* Mihetraketraka, manorisory. Il m'a taquiné tout un jour. *Nihetraketraka* tamiko, *nanorisory* ahy nandritra ny andro izy.

Se taquiner, *vpr.* Mifanorisory.

TAQUINERIE, *sf.* Hetraketraka, fihetraketraka, fihetraketrahana, fanorisorena.

TAQUOIR, *sm.* Filama-dohavý.

TARABUSTER, *va.* 1° Manahirana. 2° —, Mitondra mafy loatra. — des enfants. *Mitondra* ny ankizy *madinika mafy loatra*.

TARARE, *sm.* Milina fikororoham-bary.

TARAUD, *sm.* Vy fandrindrana ambavin-drindram-by.

TARAUDAGE, *sm.* Fandrindrana.

TARAUDER, *va.* Mandrindra. — un écrou. *Mandrindra* ambavin-drindram-by. — une vis. *Mandrindra* saikiró.

TARD, *adv.* Aoriana, antoandro, hariva, alina, ela. Vous arrivez —. Tonga *aoriana*, tratra *aoriana*, — *antoandro*, — *hariva*, — *alina* hianao. Vous avez attendu bien —. Niandry *ela* loatra, tratra *ela* loatra hianao. Il se lève —. *Antoandro* fifoha izy. Il se couche —. *Alim*-pandry izy. Mieux vaut — que jamais. Aleo *ela* toy izay tsy mitondra, — tsy manao.

—, *adj.* Aoriana, antoandro, hariva, alina, ela. Il est déjà —. *Antoandro, hariva, alina* sahady.

Sur le tard, *loc. adv.* Harivariva.

TARDER, *vn.* Miandry, ela, maharitra ela. Il ne faut pas — un moment. Tsy tokony *hiandry* na dia kely aza. Il a bien tardé en chemin. *Ela* dia ela, *naharitra ela* dia ela izy tany an-dálana.

—, *v. imp.* Maika, dodona. Il me tarde de partir. *Maika*, etc., mba hiainga aho.

TARDIF, IVE, *adj.* 1° Tratra aoriana, diso aoriana. Repentir —. Nenina *tratra aoriana*, etc. 2° —, Miadana, hetry, votsa, zandry. Pas —. Dia *miadana*

Enfant —. Zazalahy *helry, votsa*. Fruits tardifs. *Zandrim*-boankazo.

TARDIVEMENT, *adv*. Tratra aoriana.

TARE, *sf*. Fihenam-bidin' entana noho ny fahasimbany.

TARÉ, ÉE, *adj*. 1° Simba. Marchandises tarées. Entam-barotra *simba*. 2° *fig*. Tsisy vidiny, afa-baràka, tsy vanona. Homme —. Lehilahy *tsisy vidiny*, etc.

TARENTULE, *sf*. Karazan-kala.

TARER, *va*. Manimba. L'humidité tare les étoffes. Ny mando *manimba* ny lamba.

Se tarer, *vpr*. Mihasimba. Les fruits se tarent. *Mihasimba* ny voankazo.

TARGETTE, *sf*. Karetsaka.

TARGUER (SE), *vpr*. Mirehareha, midohadoha. Se — de sa fortune. *Mirehareha*, etc., noho ny hareny.

TARIÈRE, *sf*. Homamanta be.

TARIF, *sm*. Filazam-bidim-barotra, filazana ny fadintseranana na ny haba tsy maintsy haloa araka ny entana.

TARIFER, *va*. Mandraikitra vidim-barotra. — ny fadintseranana na ny haba tsy maintsy haloa.

TARIR, *va*. 1° Mandritra. 2° *fig*. Mampitsahatra.

—, *vn*. 1° Ritra. Cette source ne tarit jamais. Tsy mety *ritra* na ovinna na oviana io loharano io. 2° *fig*. Mitsahatra. Ses larmes ne tarissent point. Tsy mety *mitsahatra* ny ranomasony. Il ne tarit point sur votre éloge. Tsy *mitsahatra* midera anao izy.

Se tarir, *vpr*. Miharitra, efa ho ritra.

TARISSABLE, *adj*. Azo ritina, mety ho ritra.

TARISSEMENT, *sm*. Fandritana, faharitana.

TARLATANE, *sf*. Karaza-masilina makarakara be.

TARSE, *sm*. Hato-tongotra, vohon-tongotra.

TARTE, *sf*. Karaza-mofo mamy fisaka misy voankazo.

TARTINE, *sf*. Sila-mofo mihosotra zavamamy.

TARTRE, *sm*. 1° Faikan-divay miraikitra amy ny tavoabangy na barika. 2° —, Kitro amy ny nify.

TARTRIQUE, *adj. m*. Acide —. Tartarika.

TARTUFE, *sm*. Mpihatsaravelatsihy.

TARTUFERIE, *sf*. Fihatsarambelatsihy.

TAS, *sm*. 1° Antontany, zavatra mifanongoa. Un — de pierres. *Antontam*-bato. Être en —. *Mifanongoa*. Mettre en —. Manao *antontany, mampifanongoa*. 2° *fig*. Zavatra betsaka. Un — de fainéants. Olona *betsaka* midonana-poana.

TASSE, *sf*. 1° Kapoaka, zinga, kopy. 2° —, Eran' ny kapoaka, — zinga, — kopy. Prendre une — de café. Misotro kafe *eran'ny kopy*.

TASSEMENT, *sm*. Fietrena, fifatrarana.

TASSER, *va*. Manao antontany, manonta, mampifanongoa.

Se tasser, *vpr*. Mietry, miletsy, mifatratra. Le bâtiment se tasse. *Mietry, miletsy* ny trano. Les terres rapportées se tassent. *Mietry*, etc., ny tany nafindra.

TÂTER, *va*. 1° Mitsapa. — une étoffe. *Mitsapa* lamba. — le pouls. *Mitsapa* ny polsa. 2° *fig*. Mitsapa, mamantatra. Je l'ai tâté sur cette affaire. Efa *nitsapa, namantatra* azy tamin' izany raharaha izany aho. — le terrain. *Mitsapa* toedraharaha.

—, *vn*. 1° Manandrana. — d'une perdrix. *Manandrana* tsipoy. 2° *fig*. Il veut — du métier de soldat. Ta-*hanandrana* ny ataon' ny miaramila izy.

TÂTE-VIN, *sm*. Zavatra fanandramana ny divay ao anaty barika.

TÂTONNEMENT, *sm*. Fitsapatsapana, firaparapana, fipapapapana, fiapanapana, fipampána.

TÂTONNER, *vn*. 1° Mitsapatsapa, miraparapa, mipapapapa, miapanapana, mipampána. 2° *fig*. Mitsapatsapa.

TÂTONNEUR, EUSE, *s*. Mpitsapatsapa, etc.

TÂTONS (À), *loc. adv*. 1° Mitsapatsapa, etc. 2° *fig*. Mitsapatsapa. Chercher la vérité à —. *Mitsapatsapa* mba hitady ny marina.

TATOUAGE, *sm*. Tombokavatsa, havatsa, fanaovana tombokavatsa, tetika, fitetehana.

TATOUER, *va*. Manao tombokavatsa, mitetika tarehy.

Se tatouer, *vpr*. Manao tombokavatsa amy ny tenany, mitetika ny tarehiny.

TAUDIS, *sm*. Trano sady kely no maloto.

TAUPE, *sf*. 1° Karazam-biby hoatra ny

voalavo mitoetra mandrakariva any anaty tany. 2° *fig.* Mpanao an-tsokosoko.

TAUPINIÈRE, *sf.* 1° Rokan' ny *taupe.* 2° *fig.* Trano bongo.

TAUREAU, *sm.* 1° Ombalahy. 2° *fig.* Olona matanjaka.

TAUX, *sm.* 1° Vidim-barotra raikitra. — du pain. *Vidi*-mofo *raikitra.* 2°—, Zana-bola voafetra. Il prête de l'argent au — légal. *Mampanjana-bola* araka izay *voafetry* ny lalána izy. 3°—, Hetra voafetra. Son — est trop haut. Be loatra ny *hetra voafetra* haloany.

TAVERNE, *sf.* Trano fivarotan-divay an-tsinjarany.

TAXATION, *sf.* Famerana vidim-barotra.

TAXE, *sf.* 1° Vidim-barotra voafetry ny fanjakana, fe-bidy ataon' ny fanjakana. 2°—, Hetra. On mit une — sur les plus riches. Nampandoavin-*ketra* ny mpanan-karena indrindra.

TAXER, *va.* 1° Mametra vidim-barotra, mame-bidy. 2°—, Mampandoa hetra. 3° *fig.* Manao ho.... On le taxe d' hypocrisie. *Ataon'* ny olona *ho* mpihatsaravelatsihy izy.

Se taxer, *vpr.* Manao latsakemboka.

TE, *pron. pers.* Voy. Tu.

TECHNIQUE, *adj.* Momba ny fahaizana anankiray. Mot—. Teny *momba ny fahaizana anankiray.*

TÉGUMENT, *sm.* Zavatra mandrakotra, — manarona, — mamono. La peau est un—. Ny hoditra dia *zavatra mandrakotra,* etc.

TEIGNE, *sf.* 1° Tsindoha. 2°—, Fositra, kalalao.

TEIGNEUX, EUSE, *adj.* et *s.* Tsindohaina.

TEINDRE, *va.* 1° Manasóka anaty ranon-doko, manóka, manato, manao angana, — lomotra, — vony. — en rouge. *Manasóka anaty ranon-doko* mena. — en rouge avec l'écorce du natte. *Manato* — en noir. *Manóka.* — en bleu. *Manasóka anaty ranon-doko* manga, *manao angana.* — en vert. *Manasóka anaty ranon-doko* maitso, *manao lomotra.* 2°—, Manamena.

TEINT, *sm.* 1° Soka. Étoffe bon—. Lamba tsara *soka.* 2°—, Endrika, tarehy. Il a le — hâlé. Mivaloarika ny *endriny,* ny *tarehiny.*

TEINT, TEINTE, *p.* et *adj.* 1° Nasóka anaty ranon-doko, voasoka, nasoka, voanato, nonatoina, vita angana, — lomotra, — vony. 2°—, Mena. Après la bataille, la rivière était teinte de sang. Taorian'ny ady dia *menan'* ny ra ny reniranο. 3° *fig.* Ses mains sont teintes de sang. Nahafaty olona izy.

TEINTE, *sf.* 1° Volo. Cela est d'une — plus faible. Tanora *volo* kokoa ity. 2° *fig.* Zavatra kely miseho. Il y a dans ce qu'il dit une — de malice. Misy hasomparana *kely miseho* amy ny teny lazainy.

TEINTURE, *sf.* 1° Ranon-doko, soka, ronato. —noire faite avec le bois de campêche. *Sokan*-kazo. Drap d'une belle teinture. Lopótra tsara *soka.* 2°—, Fanasokana anaty ranon-doko, fanokana, fanatoana. 3° *fig.* Fahalalana ambangovango. Il n'a qu'une — de philosophie. Tsy *mahalala* afa-tsy ny *ambangovangon'* ny filozofý izy.

TEINTURERIE, *sf.* Fahaizana manao soka, trano fanaovan-tsoka.

TEINTURIER, IÈRE, *s.* Mpanao soka.

TEL, TELLE, *adj.* 1° Mitovy, sahala, tahaka, tahaka izany. Il est — que son père. *Mitovy, sahala* amin-drainy, *tahaka* an-drainy izy. Je ne vis jamais rien de —. Tsy mbola nahita zavatra *tahaka izany* aho. 2°—, Lehibe loatra, loatra. Sa bonté est telle qu'il se fait chérir de tout le monde. *Lehibe loatra* ny hazavam pony, ka tia i' ny olona rehetra izy. Il en est affligé à un — point qu'il en perd la raison. Malahelo *loatra* noho izany izy, ka very hevitra. 3°—, Anona, izao izao, izany izany, misy. Il est allé s'établir dans telle ville. Lasa nipetraka tany *ananona* izy. Il m'a dit telle et telle chose. Nilaza *izao izao, izany izany* tamiko izy. — homme est récompensé qui mérite d'être puni. *Misy* olona mahazo valisoa nefa mendrika hofaizina. —quel. Voy. Quel.

—, *pron. indéf.* Izay. — fait des libéralités qui ne paye pas ses dettes. Indraindray *izay* dohadohaka tsy mahaloa trosa.

—, *s.* Ranona. Il reste chez un—. Mipetraka ao amin-*dranona* izy.

TÉLÉGRAMME, *sm.* Teny entin' ny telegrafy, telegrama.

TÉLÉGRAPHE, *sm.* Telegrafy.

TÉLÉGRAPHIE, *sf.* Fahaizana momba ny telegrafy.

TÉLÉGRAPHIER, *va.* Mampitondra teny amy ny telegrafy.

TÉLÉGRAPHIQUE, *adj.* Momba ny telegrafy, entin' ny telegrafy.

TÉLESCOPE, *sm.* Masolavitra makadiribe, teleskopy.

TÉLESCOPIQUE, *adj.* Amy ny teleskopy, tsy hita afa-tsy amy ny teleskopy. Étoiles télescopiques. Kintana *tsy hita afa-tsy amy ny teleskopy.*

TELLEMENT, *adv.* Loatra. Voy. TEL.

Tellement quellement, *loc. adv.* Tsy tsara loatra.

TÉMÉRAIRE, *adj.* Sahy loatra, foana. Homme—. Olona *sahy loatra.* Jugement —. Fitsarana *foana.*

—, *s.* Olona sahy loatra.

TÉMÉRAIREMENT, *adv.* An-kasahiana loatra, foana.

TÉMÉRITÉ, *sf.* Hasahian-doatra.

TÉMOIGNAGE, *sm.* 1° Tenin'ny vavolombelona, fiampangana, filaza, filazana, tsy faniniana, fandrenesana, fahitana. Il a été entendu en —. Efa re ny *tenin' io vavolombelona io.* Il a porté un faux —. *Niampanga* lainga izy. Selon le — des historiens. Araka ny *filazan'* ny mpitantara. Je rendrai de vous bon —. Ataoko tsara *lazaina* hianao. Il a rendu — à la vérité. *Nilaza* ny marina izy. J'ai pour moi le — de ma conscience *Tsy tsinin'* ny eritreritro aho. Il faut s'en rapporter au — des sens. Tsy maintsy hinoana izay *ren'* ny fahareneşana, izay *hitan'* ny maso. Je m'en rapporte au — de mes yeux. Inoako izay *hitan'* ny masoko. 2°—, Fampisehoana, fanambarana, vavolombelona. Sa conduite est un — de la droiture de ses intentions. Ny ataony no *mampiseho, manambara* ny hitsim-pony, *vavolombelon'* ny hitsim-pony.

TÉMOIGNER, *vn.* Mitsangan-ko vavolombelona, miampanga. Il a témoigné contre lui. *Nitsangan-ko vavolombelona* hitomboka azy izy, *niampanga* azy izy.

—, *va.* Milaza, mampiseho. Je témoignerai partout ce que je lui ai vu faire. *Holazaiko* hatraiza hatraiza izay hitako nataony. Il m'a témoigné de l'amitié. *Nampiseho* fitiavana ahy izy.

TÉMOIN, *sm.* Vavolombelona, mahita, manatrika. Prendre quelqu'un à —. Maka olona ho *vavolombelona.* Cette querelle eut pour témoins un grand nombre de personnes. Betsaka ny olona *vavolombelon'* izany fifandirana izany, *nahita, nanatrika* izany fifandirana izany. Ses blessures sont les témoins de sa gloire. Ny ratrany no *vavolombelon'* ny voninahiny.

TEMPE, *sf.* Fihirifana.

TEMPÉRAMENT, *sm.* 1° Toe-batana. Il est d'un — faible. Osa ny *toe-batany.* 2°—, Toetra. Il a un — vif. Mavitribitrika ny *toetrany.* 3° *fig.* Hevitra ifanarahana. Il proposa divers tempéraments. Namosaka *hevitra* maro samihafa *ifanarahana* izy.

TEMPÉRANCE, *sf.* Fahalalam-petra amy ny hanina sy ny fisotro, fahalalana fetra, — onony.

TEMPÉRANT, ANTE, *adj.* Mahalala fetra amy ny hanina sy ny fisotro, mahalala fetra, — onony.

TEMPÉRATURE, *sf.* 1° Toetry ny andro. La — de cette contrée est fort humide. Mando dia mando ny *toetry ny andro* amin' ity tany ity. 2°—, Toetry ny hafanana na ny hatsiaka. La — de l'eau. Ny *toetry ny hafanana na ny hatsiaky* ny rano.

TEMPÉRÉ, ÉE, *adj.* 1° Misy hafanana antonintoniny. Pays —. Tany *misy hafanana antonintoniny.* 2°—, Mahalala onony, — fetra, — ny antoniny. Esprit —. Olona *mahalala onony,* etc. 3° *fig.* Antoniny. Style —. Laha-teny *antonintoniny.*

—, *sm.* Hafanana antonintoniny. Le thermomètre est au —. Ny termometra milaza *hafanana antonintoniny.*

TEMPÉRER, *va.* Mampihena, manalefaka, manaketraka, mampionona, mampitony. Le vent a tempéré la chaleur. Ny rivotra *nampihena, nanalefaka, nanaketraka* ny hafanana. Le temps tempère l'affliction. Ny ela *mampihena,* etc., ny alahelo.

Se tempérer, *vpr.* Mihena, mihamalefaka, mihaketraka, mionona, mitony.

TEMPÊTE, *sf.* 1° Tafio-drivotra. 2° *fig.* Fanenjehana, fikorontanana. Sa fermeté ne l'abandonna point au milieu des tempêtes suscitées contre lui. Tsy nilaozan' kerim-po izy tao anatin' ny *fanenjehana* namely azy. L'État est menacé de quelque —. Misy *fikorontanana* mila hamely ny fanjakana.

TEMPÊTER, *vn.* Mimonjomonjo, mimoimoy, mikoinkoina. — contre quelqu' un. *Mimonjomonjo,* etc., amin' olona.

TEMPLE, *sm.* 1° Trano fivavahana, tempoly. 2°—, Trano fivavahan' ny protestanta.

TEMPORAIRE, *adj.* Maharitra andro sasany. Pouvoir —. Fahefana *maharitra andro sasany.*

TEMPORAIREMENT, *adv.* Maharitra andro sasany.

TEMPORAL, ALE, *adj.* Ao am-pihirifana.

TEMPOREL, ELLE, *adj.* Amin' izao fiainana izao, momba ny nofo. Les biens temporels. Ny haren'*izao fiainana izao,* ny haren' ny *nofo.* La puissance temporelle du pape. Ny fahefan' ny papa araka *ny nofo.*

—, *sm.* Ny fahefana araka ny nofo.

TEMPORELLEMENT, *adv.* Amin' izao fiainana izao.

TEMPORISATION, *sf.* Fiandrasana andro.

TEMPORISER, *vn.* Miandry andro. Ne vous hâtez pas, il est bon de —. Aza maika hianao, fa tsara ny *miandry andro.*

TEMPORISEUR, *sm.* Mpiandry andro.

TEMPS, *sm.* 1° Andro. Le — s'écoule. Mandalo ny *andro.* Profiter du —. Mandany tsara ny *andro.* Perdre le —. Mandany *andro* foana, manary *andro.* Tuer le —. Manala *andro.* Demander du —. Mangataka *andro.* Gagner du —. Mahazo *andro.* Le carême est un — de pénitence. *Andro* fivalozana ny karemy. Du — de Salomon. Tamy ny *androny* Salomona. C'était un — de trouble. Nisy fikorontanana tamin' izany *andro* izany. Le — se met au beau. Mihatsara ny *andro.* ‖ *loc.* Il y a bien du —. Efa ela dia ela. Il y a peu de —. Vao haingana. Se donner du bon—. Manaram-po, milalao. Prendre son —. Manao miadana, tsy rototra. Prendre le — comme il vient. Tsy maka sarotra amin-javatra. 2° —, Fotoana, taona, anjara andro. Payer dans le — fixé. Mandoa amy ny *fotoana* raikitra. Le — est favorable. Tsara izao ny *fotoana.* Le — de la moisson. Ny *taompijinjana.* Ce soldat a fait son —. Nahatapitra ny *anjara androny* ity miaramila ity. 3° —, Fahafahana. Le — me manque. Tsy *afaka* aho. 4° —, Fiovan'ny verba milaza fotoana samihafa.

À temps, *loc. adv.* 1° Amy ny fotoana. Vous arrivez à —. Tonga *amy ny fotoana* hianao. 2° —, Misy fetr' andro. Bannissement à —. Fanaovana sesi-tany *misy fetr' andro.*

En même temps, *loc. adv.* Miaraka. Nous étions au collège en même —. *Niaraka* tany amy ny kolejy izahay.

De tout temps, *loc. adv.* Mandrakariva.

De temps en temps, *loc. adv.* Indraindray.

TENABLE, *adj.* Azo itoerana. Cette maison n'est pas —. Tsy *azo itoerana* ity trano ity.

TENACE, *adj.* 1° Mamikitra. 2° *fig.* Mitompo teny fantatra, mikiribiby, kirina. 3° —, Kafiry.

TÉNACITÉ, *sf.* 1° Famikitra. La — de la glue. Ny *famikitry* ny gilio. 2° *fig.* Fikiribiby, kiry. 3° —, Hakafiry.

TENAILLE, *sf.* Tandra, tandra mokotra. Saisir avec les tenailles. *Manandra.*

TENAILLER, *va.* Mampijaly amy ny tandra mena mivaivay.

TENANCIER, IÈRE, *s.* Menakely.

TENANT, ANTE, *adj.* et *sm.* Séance tenante. Amin' izany fivoriana izany. Les tenants et aboutissants. Voy. ABOUTISSANT.

TENDANCE, *sf.* 1° Fitadiavana. 2° *fig.* Fitongilanana. L'homme a une — naturelle à l'égoïsme. Fomban' ny olombelona ny *mitongilana* ho amy ny fitiavantena loatra.

TENDANT, ANTE, *adj.* Mikendry, mila ho. Un discours — à prouver. Laha-teny *mikendry* hanaporofo. Des libelles tendants à la sédition. Boky kely *mila* hampikomy.

TENDEUR, EUSE, *s.* Mpamelatra. — de pièges. *Mpamela*-pandrika.

TENDON, *sm.* Hoza-be, traingovazana. — d'Achille. *Traingovazana.*

TENDRE, *adj.* 1° Malemy. Bois —. Hazo *malemy.* Viande —. Hena *malemy.* Il a la peau —. *Malemy* hoditra izy. 2° —, Vaovao, tanora. Pain —. Mofo *vaovao.* Age —. *Fahatanorana.* Couleur —. Volon-javatra *tanora.* 3° *fig.* Be fitiavana, mora mangoraka, *— mitsetra. Une mère —. Reny *be fitiavana.* Il a le cœur —. *Be fitiavana* izy, *mora mangoraka, — mitsetra* ny fony. 4°—, Mampiseho fitiavana, mahonóna, mampangoraka, mampitsetra. Des paroles tendres. Teny *mampiseho fitiavana,* etc.

TENDRE, *va.* 1° Manenjana. — une corde, un arc. *Manenjana* tady, tsipika.

2°—, Mamelatra, manemitra. —un piège. *Mamela*-pandrika. 3°—, Mananty, maninjitra, manolotra, manandratra. — la main pour demander l'aumône. *Mananty* tánana mba hangataka fiantrana. —les bras à quelqu'un pour l'embrasser. *Maninji*-tánana mba hamihina olona. —la joue. *Manolotra* takolaka. —les mains vers le ciel. *Manandra*-tánana amy ny lanitra.

—, *vn.* 1° Mankany, mitady. Où tend ce chemin-là? *Mankaiza* io lálana io? L'air tend à s'élever. *Mitady* hisondrotra ny aera. 2° *fig.* Mitady, mikendry, mila, mandeha, miafara. —à la perfection. *Mitady, mikendry* ho lavorary. Où tendent tous ces propos? Aiza no *alehan'* izany resaka rehetra izany? Tout cela ne tend à rien. Tsy hita izay *iafaran'* izany rehetra izany.

TENDREMENT, *adv.* Amim-pitiavana.

TENDRESSE, *sf.* 1° Fitiavana. La — d'un père pour ses enfants. Ny *fitiavan'* ny ray ny zanany. 2°—, *pl.* Fampisehoam-pitiavana. Il m'a fait mille tendresses. *Nampiseho fitiavana* lehibe tamiko izy.

TENDRETÉ, *sf.* Halemy.

TENDU, UE, *p.* et *adj.* 1° Henjana, nohenjanina. 2°—, Voavelatra, novelarina, mivelatra, voatemitra, notemerana. mitemitra. L'église est tendue de noir. *Voatemitra* lamba mainty ny trano leglizy. 3° *fig.* Miraikitra mafy, sarotra. Il a l'esprit toujours—. *Miraikitra mafy* mandrakariva amin-javatra ny sainy. Situation tendue. Toe-draharaha *sarotra.*

TÉNÈBRES, *sf. pl.* 1° Hamaizina, aizina, ny maizina. Voy. OBSCURITÉ. 2° *fig.* Aizina, maizina. Les—de l'idolâtrie. Ny *aizin'* ny fanompoan-tsampy. L'ange des —. Ny anjelin'ny *maizina*, ny demony. L'empire des—. Ny fanjakan' ny *maizina*, ny afobe.

TÉNÉBREUX, EUSE, *adj.* 1° Maizina. 2° *fig.* An-tsokosoko. Menées ténébreuses. Famoronan-tsain-dratsy *antsokosoko.*

TENEUR, *sf.* Teny. Selon la—de l'arrêt. Araka ny *tenin'*ny didy.

TENEUR DE LIVRES, *sm.* Mpanoratra ny miditra sy ny mivoaka amy ny trano fivarotana.

TÉNIA, *sm.* Sakoitra.

TENIR, *va.* 1° Mitana, mihazona. —une épée. *Mitan*-tsabatra. Je le tiens bien, il ne m'échappera pas *Tanako, hazoniko* tsara izy, ka tsy ho afaka handositra. —quelqu'un par le bras. *Milantána* olona. —quelqu'un à la gorge. *Mihazona* olona amy ny tendany; *fig.* manao terivozona olona. On le tient en prison. *Tánana, hazonina* ao an-tranomaizina izy. Il ne peut — sa langue. Tsy *mahalam*-bava izy. Ce tonneau tient bien le vin *Mahatana* tsara ny divay io barika io. 2°—, Manana, mitoetra, mamory. — auberge. *Manana* tranom-bahiny. Il tient la chambre, parce qu'il est incommodé. *Mitoetra* ao an-tranony izy, satria marisarisa. Le pape tint un concile. *Namory* ny eveka rehetra ny papa. 3°—, Mandre, mahazo. De qui tenez-vous cette nouvelle? Iza no *nandrenesanao* izany zavabaovao izany? C'est de vous qu'il tient sa fortune. Hianao no *nahazoany* ny hareny. La fièvre le tient. *Azon'* ny tazo izy. 4°—, Mahalany, omby. Cette damejeanne tient quinze litres. *Mahalany, omby* indimy amby ny folon' ny tavoahangy io damizana io. 5°—, Mitahiry, mitandrina, mifehy, mitondra, manatanteraka. Il tient son argent dans sa chambre. *Mitahiry* ny volany ao amy ny efitranony izy. Il tient les choses en bon état. *Mahatahiry, mahatandrina* ny zavatra tsy ho simba izy. Elle tient bien ses enfants. *Mitandrina, mifehy* tsara ny zanany izy. Il tient bien sa classe. *Mifehy, mitondra* tsara ny mpianany izy. —son rang. *Mitandrina* ny voninahiny. — ses engagements. *Manatanteraka* ny teny napetrany. —la main à quelque chose. *Mitandrina, mampanantanteraka* zavatra anankiray. 6° —, Manoratra, mandatsaka an-tsoratra. Il tient les livres chez un banquier. *Manoratra* ny miditra sy ny mivoaka ao amy ny banky anankiray izy. Tenez note de cela. *Sorato, alatsaho an-tsoratra,* tadidio tsara izany. 7°—, Manao, manao ho... — une mauvaise conduite. *Manao* fitondran-tena ratsy. —des propos hasardés. *Manao* resaka an-jamba. — les mains jointes. *Manao* tánambokovoko. —une place assiégée. *Manao* fahirano tanána anankiray. Je tiens cela pour vrai. *Ataoko* ho marina izany. || *loc.* — tête à quelqu'un. Manohitra olona. —un enfant sur les fonts. Tonga ray na reny amy ny batemy. — la queue de la poêle. Miandraiki-draharaha.

—, *vn.* 1° Manolotra, mifanolotra. Ma maison tient à la sienne. *Manolotra* ny azy, *mifanolotra* amy ny azy ny tranoko. 2°—, Miraikitra, mikambana, miandany, tia, miraiki-po. Les fruits tiennent à l'arbre. *Miraikitra* amy ny hazo ny voankazo. Il tient à lui pour plusieurs raisons. Misy antony samihafa *iraiketany, ikambanany* aminy, *itiavany* azy. — pour quelqu'un. *Miandany* amin' olona. Il tient à partir. *Te*-hiala izy. Il tient à l'argent. *Tia* vola, *miraiki-po* amy ny vola izy. 3°—, Avy, misy. Cela tient à sa jeunesse. *Avy* amy ny hatanorany izany. Mon départ tient à plusieurs causes. *Misy* antony samihafa ny ialako. 4°—, Mifandraidraika, mitovitovy. Le mulet tient du cheval et de l'âne. *Mifandraidraika*, etc., amy ny soavaly sy ny ampondra ny ramole. Il tient de ses aïeux. *Mifandraidraika* amy ny razany izy. 5°—, Manohitra, manoha, mahazaka, maharitra. Cette place ne peut pas — huit jours. Tsy *mahatohitra* havaloan' andro io tanána io. — bon. *Manohitra* mafy. Ce navire ne saurait — contre les vagues. Tsy *mahatohitra, mahatoha, mahazaka* ny onjan-dranomasina io sambo io. Cette couleur ne tient pas. Tsy *maharitra* io loko io.

—, *v. imp.* Misakana, raharaha, miankina, maninona. A quoi tient-il que nous ne partions? Inona no *misakana* antsika tsy handeha? Il ne tient qu'à moi. *Raharahako* hiany izany, izaho hiany no *iankinan'* izany. Qu'à cela ne tienne. Tsy *maninona* izany.

Se tenir, *vpr.* 1° Mamikitra, manaraka, tsy miova. Il se tint à une branche. *Namikitra* tamy ny sampan-kazo izy. Je m'en tiens à votre décision. *Manaraka* ny fandidianao aho. Il s'en tient à son mot. *Tsy miova* teny izy. 2°—, Mitoetra, mitomoetra, mipetraka, mi..., man... Tenez-vous là. *Mitoera, mitomoera, mipetraha* etsy hianao. Se — au soleil. *Mitoetra, mipetraka* amy ny hainandro, mitanina andro. Se — debout. *Mitsangana.* Se — droit. *Mijoro, mijaridina.* Se — courbé. *Mamokoka.* Se — les bras croisés. *Mamihin-tena, manohon-tena*, midonana-poana. 3°—, Misy. Le marché se tient le mardi *Misy* tsena amy ny talata.

TENON, *sm.* Lahin-drafitra.

TÉNOR, *sm.* Torebiny, saikiny.

TENSION, *sf.* 1° Hahenjana, fihenjana. La — d'une corde. Ny *hahenjana* etc., ny tady. 2° *fig.* Firaiketana mafy. — d'esprit. *Firaiketan*-tsaina *mafy.* Voy. TENDU.

TENTANT, ANTE, *adj.* Mahataona, mahatarika.

TENTATEUR, TRICE, *s.* Mpaka fanahy.

TENTATION, *sf.* 1° Fakam-panahy, fitaoman-dratsy. Résistez à la —. Manohera ny *fakam-panahy*, etc. 2°—. Hevitra mitaona, fitsiriritana. Il résista à la — de répondre. Nanohitra ny *hevitra nitaona* azy mba hamalivaly izy.

TENTATIVE, *sf.* Fanandramana. Il fit plusieurs tentatives inutiles. *Nanandrana* imbetsaka foana izy.

TENTE, *sf.* Trano lay, lay.

TENTER, *va.* 1° Manandrana, mitsapa fanahy. mizaha toetra. — une entreprise. *Manandrana* raharaha. Dieu tenta Abraham. Andriamanitra *nitsapa fanahy, nizaha toetra* any Abrahama. 2°—, Maka fanahy, mitaona, mitarika, mahate....., mampitsiriritra. Le serpent tenta Ève. Ny bibilava *naka fanahy* any Eva. — Dieu. *Maka fanahy* an' Andriamanitra. On l'a tenté avec de l'argent. Vola no nentina *nitaona, nitarika* azy. Ce beau temps ne vous tente-t-il pas de vous promener? Moa tsy *mahate*-hitsangantsangana anao izato hatsaran' ny andro? Ces fruits ne vous tentent-ils pas? Moa tsy *mampitsiriritra* anao ireo voankazo ireo?

TENTURE, *sf.* Temitra, lamba temitra.

TENU, UE, *adj.* 1° Milamina, voatandrina. Une maison bien tenue. Trano *milamina*, etc., tsara. Des enfants bien tenus. Ankizy madinika *voatandrina* tsara. 2°—, Tsy maintsy, misy didy. Il est — à restitution. *Tsy maintsy* hanonitra izy. À l'impossibilité nul n'est —. *Tsy misy didy* mampanao izay tsy zaka.

TÉNU, UE, *adj.* Madinika.

TENUE, *sf.* 1° Fivoriana. Pendant la — du concile. Tamy ny andro *nivorian'* ny eveka rehetra. 2°—, Fitoetra, fipetraka, fanamiana, fitafy, fiakanjo. Il manque de —. Ratsy *fitoetra, fipetraka* izy. Être en grande —. *Manamy.* Être en petite —. *Mitafy, miakanjo* tsotsotra. 3°—, Fanoratana. Il entend bien la — des livres. Mahay tsara ny *fanoratana* ny miditra sy ny mivoaka izy.

TÉNUITÉ, *sf.* Hadinika.

TÉRÉBENTHINE, *sf.* Ditin-kazo anaovana lasantsy. Essence de —. *Lasantsy.*

TERGIVERSATION, *sf.* Fanariandia, fihodivitra.

TERGIVERSER, *vn.* Manary dia, mihodivitra.

TERME, *sm.* 1° Farany, fahataperana. Tout a un —. Misy *farany* ny zavatra rehetra. Le — de la vie. Ny *faran'* ny andro iainana. Il est à son dernier —. Efa mby amy ny *faran'* ny andro iainany, efa ho *tapitra* andro izy. Il n'est pas encore au — de ses adversités. Tsy mbola *tapitra* ny fahoriany. 2° —, Fetr'andro, fotoana, vola aloa araka ny fetr'andro. Il paie dès que le — est échu. Mandoa izy rahefa tonga ny *fetr' andro,* ny *fotoana.* Il a payé son —. Nandoa ny *vola* tsy maintsy *haloa araka ny fetr' andro* izy. 3° —, Fotoana fiterahana, volana, andro, fotoana fahaterahana. Cette femme n'est pas encore à son —. Tsy mbola tonga amy ny *fotoana hiterahany* io vehivavy io. Elle approche de son —. Miandry *volana, andro* izy. Elle est accouchée avant —. Niteraka tsy tonga *volana* izy. Cet enfant est venu à —. Teraka tamy ny *fotoana fahaterahany* io zaza kely io. 4° —, Teny, fombam-pitenenana. Il faut s'en tenir aux termes du contrat. Tsy maintsy harahina ny *tenin'* ny fanekena. Il ne connait pas les termes de la marine. Tsy mahalala ny *teny,* etc., momba ny sambo izy. 5° —, *pl.* Toetra, raharaha, fifanarahana. En quels termes êtes-vous avec lui depuis votre querelle ? Manao ahoana ny *toetrao* sy izy hatramy ny niadianareo? Je suis en bons termes avec lui. Tsara *raharaha, mifanaraka* tsara aminy aho.

TERMINAISON, *sf.* 1° Fahataperana, fiafarana. La — d'un procès. Ny *fahataperan'* ny ady. La — d'une maladie. Ny *fiafaran'* ny aretina. 2° —, Fara soratra amy ny vakiteny.

TERMINER, *va.* Mametra, manapitra, mamita. Ces montagnes terminent l'horizon. Ireo tendrombohitra ireo *mametra* ny faravodilanitra. — une lettre. *Manapitra, mamita* taratasy ampitondraina.

Se terminer, *vpr.* 1° Tapitra, miafara, vita. Tout cela s'est heureusement terminé. *Tapitra* soa aman-tsara izao rehetra izao, tsara ny *niafaran'* izao rehetra izao. 2° —, Misy fara soratra.

TERMINOLOGIE, *sf.* Fombam-pitenenana samihafa momba ny fahaizana anankiray.

TERNE, *adj.* 1° Matroka, vasoka, mangavoka. Argenterie —. Volafotsy *matroka.* Pierreries ternes. Vatosoa *vasoka, mangavoka.* 2° *fig.* Tsy misy renty. Style —. Laha-teny *tsy misy renty.*

TERNIR, *va.* 1° Manamatroka, mahamatroka, manavasoka, mahavasoka, mampangavoka. L'haleine ternit la glace d'un miroir. Ny fofon' aina *mahamatroka* ny fitaratra. Cela ternit le teint. *Mahavasoka, mampangavoka* ny tarehy izany. 2° *fig.* Manimba. Cela a terni sa réputation. *Nanimba* ny lazany izany.

Se ternir, *vpr.* 1° Mihamatroka, mihavasoka, mihamangavoka. 2° *fig.* Mihasimba.

TERNISSURE, *sf.* Hamatroka, havasoka, fangavoka.

TERRAIN, *sm.* 1° Tokotany, tany, tany iadiana. Il a un bon — pour bâtir. Manana *tokotany* tsara anorenan-trano izy. Le — est mauvais. Ratsy ny *tany.* L'ennemi laissa mille hommes sur le —. Arivo lahy ny fahavalo no maty tao amy ny *tany niadiana.* 2° *fig.* Connaître le —. Mahalala toetr' olona. Ménager le —. Mitondra raharaha amim-pahamalinana. Être sur son —. Milaza izay hainy, manao izay mahazatra azy. Disputer le —. Manohitra. Gagner du —. Mandroso tsikelikely. Perdre du —. Mihemotra.

TERRASSE, *sf.* 1° Tokotany narenina, tany narenina, tany nasandratra. Ce jardin est tout en terrasses. *Tany narenina* miantoantoana io zaridaina io. 2° —, Tafon-trano marin-tampona.

TERRASSEMENT, *sm.* Fanarenantany, fanandratan-tany.

TERRASSER, *va.* 1° Manarin-tany, manandratra tany. 2° —, Mandavo. — quelqu'un. *Mandavo* olona. 3° *fig.* Maharera-po, mahakivy, mampiraviravy tánana. Cette nouvelle l'a terrassé. *Naharera-po,* etc., azy izany zava-baovao izany.

TERRASSIER, *sm.* Mpanarin-tany, mpanandra-tany.

TERRE, *sf.* 1° Tany. Dieu créa le ciel et la —. Andriamanitra nahary ny lanitra sy ny *tany.* Tant que je serai sur —. Dieny mbola ety an-*tany* aho. La — est crevassée. Mitriatriatra ny *tany.* — fer-

tile. *Tany* lonaka. —.blanche. *Tany* fotsy, *taniravo*. Un plat de —. Lovia *tany*. Les terres australes. Ny *tany* amy ny lafiny atsimo. La — sainte. Ny *tany* masina. Perdre —. Tsy mahita *tany* intsony. Acheter une—. Mividy *tany*. 2°—, Fasana, tanimanga, saha, tanimboly, tanimbary. Il y a huit jours qu'on l'a mis en —. Havoloan' andro izay no nandevenana azy tao am-*pasana*. — cuite. *Tanimanga* voadotra. Chasser sur les terres d'autrui. Mihaza amy ny *sahan'* olona. 3°—, Tanety, sisin-dranomasina. Prendre —. Miakatra an-*tanety*. Côtoyer la —. Manaraka ny *sisin-dranomasina*. 4° *fig*. Ny olona rehetra, ny eto an-tany. La — se tut devant Alexandre. Sina teo anatrehany Aleksandra ny *olona rehetra*. Les vrais chrétiens méprisent la —. Manamavo ny *eto an-tany* ny kristiana marina. ‖ *loc*. Remuer ciel et —. Manao araka izay tratry ny aina hahatanterahan-draharaha. Aller — à —. Manao tsotsotra, manao laha-teny tsotsotra.

TERREAU, *sm*. Roka.

TERRE-NEUVE, Chien de —. Alika makadiry sady lava volo.

TERRER, *va*. Manototra foto-java-maniry.

Se terrer, *vpr*. Miery ao anaty tany. Les lapins se terrent. *Miery ao anaty tany* ny bitro.

TERRESTRE, *adj*. 1° Amy ny tany. Vapeurs terrestres. Fofon-*tany*. 2°—, Momba ny eto an-tany. Il n'a que des sentiments terrestres. Tsy mihevitra afatsy *ny eto an-tany* izy.

TERREUR, *sf*. Fahatsiravina, tahotra mafy. Il jeta la — parmi les ennemis. *Nahatsiravina* ny fahavalo izy. Être saisi de —. Azon' ny *tahotra mafy*. Il est la — des méchants. *Atahorana* dia atahoran' ny ratsy fanahy izy. — panique. Voy. Panique.

TERREUX, EUSE, *adj*. 1° Miharo tany. Métal —. Metaly *miharo tany*. 2°—, Feno fotaka, mihosim-bovoka. Il a les mains terreuses. *Feno fotaka*, etc., ny tánany. 3° *fig*. Hatsatra, vasoka. Il a le visage —. *Hatsatra* ny tarehiny. Couleur terreuse. Volon-doko *vasoka*.

TERRIBLE, *adj*. 1° Mahatsiravina, mahatahotra, mampatahotra. Cette nouvelle est —. *Mahatsiravina*, etc., izany zava-baovao izany. 2°—, Mahagaga, efa izaitsizy. Il a une — humeur. *Mahagaga* ny hasarotam-pony. Vent —. Rivotra *efa izaitsizy*. Il a fait une — dépense. *Efa izaitsizy* ny vola laniny.

TERRIBLEMENT, *adv*. 1° Mahatsiravina, mahatahotra, mampatahotra. 2°—, Izaitsizy.

TERRIER, *sm*. 1° Lava-biby. — de lapin. *Lava*-bitro. 2°—, Karazan' alika.

TERRIFIER, *va*. Mahatsiravina, mahatahotra, mampatahotra. Comme Effrayer.

TERRINE, *sf*. Lovia tany lalina aty.

TERRITOIRE, *sm*. Fari-tany. Le— français. Ny *fari-tany* frantsay. Cette ville a un —fort étendu. Lehibe dia lehibe ny *faritr'* io tanána io.

TERRITORIAL, ALE, *adj*. Momba ny fari-tany.

TERROIR, *sm*. 1° Tany. —fertile. *Tany* lonaka. 2°—, Tany nihaviana. Ce vin sent le —. Misy fofon' ny *tany nihaviany* izany divay izany. 2° *fig*. Tany nihaviana. Cet homme sent le —. Manao toetry ny *tany nihaviany* io lehilahy io.

TERRORISER, *va*. Mahatsiravina, mampitahotra.

TERTRE, *sm*. Havoana, kiborin-tany, kiborim-pasika, bongon-tany, vohon-tany.

TES, *adj. poss*. Voy. Ton.

TESSON ou **TÊT,** *sm*. Vakin-javatra, tavin-javatra, tavilotra. Tesson de bouteille. *Vakin*-tavoahangy. Têt d'assiette. *Vakim*-bilia, *tavilotra*.

TESTACÉ, ÉE, *adj*. et *sm*. Biby misy akorany. Les escargots sont des testacés. Ny sifotra dia *biby misy akorany*.

TESTAMENT, *sm*. 1° Didim-panananana, farahafatra. 2°—, Testamenta. L'Ancien —. Ny *Testamenta* Taloha. Le Nouveau —. Ny *Testamenta* Vaovao.

TESTAMENTAIRE, *adj*. Momba ny didim-pananana, —ny farahafatra. Exécuteur —. Izay notanan-tsoroka mba hampanatanteraka ny *farahafatra*.

TESTATEUR, TRICE, *s*. Mpandidy harena, mpanao farahafatra.

TESTER, *vn*. Mandidy harena, manao farahafatra.

TESTIMONIAL, ALE, *adj*. Vavolombelona. Lettre—. Taratasy *vavolombelona*.

TÊT, *sm*. Voy. Tesson.

TÉTANOS, *sm*. Aretina mafy mampifanintontsintona ny hozatra.

TÊTARD, *sm.* Tsiboboka.

TÊTE, *sf.* 1° Loha, andoha. Il s'est cassé la —. Vaky ny *lohany*. J'ai mal de —. Marary ny *andohako*. Ce vin porte à la —. Mampanelonelo ny *andoha* izany divay izany. Il lui en coûta la —. Notapahin-*doha* noho izany izy. 2° *fig.* Loha, aina, ati-doha, hatoka, saina, hevitra. J'ai des affaires par-dessus la —. Tsy eran' ny *lohaho*, ny *aiko* ny raharaha. Il y va de votre —. Miankina amy ny *ainao* izany. C'est une — légère. Maivan-*doha*, kely *ati-doha* izy. Il a la — dure. Mafy *hatoka* izy. Il a bonne —. Be *saina* izy. Il n'a que cela en —. Izany hiany no ao *an-tsainy*, no ao anatin' ny *heviny*. Il n'a plus sa —. Tsy misy *saina* intsony izy. Il n'a plus sa — à lui. Very *saina, hevitra* izy. C'est une mauvaise —. Ratsy *saina, hevitra* izy. Il ne veut rien faire qu'à sa —. Tsy mety manao afa-tsy araka ny *heviny* izy. 3°—, Olona, isan' olona. Cette taxe porte sur toutes les têtes. Mahazo ny isan' *olona* izany hetra izany. On paye cinq francs par —. Mandoa ariary *isan' olona*. 4°—, Volon-doha. Il a la — frisée. Oly ny *volon-dohany*. 5°—, Loha, tendro, vody, voalohany, vava, loha lálana, filoha. La — d'un mât. Ny *loha*, ny *tendron'* ny salazana. La — d'un arbre. Ny *tendron*-kazo. La — d'une aiguille. Ny *vody* fanjaitra. La—d'un clou. Ny *vody* fantsika. Votre nom est en — de liste. *Voalohany* ao amy ny rejistra ny anaranao. La — d'un canal. Ny *lohan'* ny lakan-drano. La — d'un cortège. Ny *loha* lálana. La — d'une armée. Ny *vava* ady. — de pont. *Vava* tetezana. Marcher en —. Ao amy ny *loha lálana*. Le roi l'a mis à la — de son conseil. Notendren' ny mpanjaka ho *loha, filohan'* ny mpanolo-tsainy izy. Il est à la — de l'entreprise. Izy no *lohany, filohany* amy ny raharaha.

TÊTE-À-TÊTE, *loc. adv.* Honjohonjon' olon-droa. Ils ont diné — à —. *Honjohonjon'* izy *roa* lahy no niara-nisakafo.

—, *sm.* Firesahan' olon-droa tsy amboa tsy lambo. Ils ont eu un long —. *Niresaka* ela izy *roa* lahy *tsy amboa tsy lambo*.

TÉTER, *va.* Minono.

TÉTINE, *sf.* Tohatr' omby na kisoa.

TÉTRARQUE, *sm.* Mpanapaka taloha tamy ny fari-tany anankiray, tetrarika.

TÊTU, UE, *adj.* et *s.* Maditra, mafy hatoka, mafy sofina, be tohika, mitokona, kirina. Comme ENTÊTÉ.

TEXTE, *sm.* 1° Ny tena teny. Le — de l'Ecriture sainte. Ny *tena tenin'* ny Soratra Masina. 2°—, Loha teny amy ny toriteny. Il a bien choisi son —. Nahay nifidy *loha teny* tsara izy. 3° *fig.* Foto-teny, foto-dresaka. Revenir à son —. Miverina amy ny *foto-teniny*, amy ny *foto-dresany*.

TEXTILE, *adj.* 1° Azo folesina, azo tenomina. Le coton est une matière —. Zavatra *azo folesina*, etc., ny landihazo. 2°—, Momba ny tenona. L'industrie —. Ny taozavatra *momba ny tenona*.

TEXTUEL, ELLE, *adj.* Araka ny tena teny. Ce que je vous dis est —. *Araka ny tena teny* izao lazaiko anao izao.

TEXTUELLEMENT, *adv.* Araka ny tena teny.

TEXTURE, *sf.* 1° Fifampidipiditra, filahatra. La — de la peau. Ny *fifampidipiditry*, ny *filahatry* ny zavatra samihafa mikambana ho hoditra. 2° *fig.* Fifanarahana. La — d'un ouvrage. Ny *fifanarahan'* ny zavatra samihafa ao amy ny boky anankiray.

THAUMATURGE, *adj.* et *s.* Mpanao fahagagana.

THÉ, *sm.* Foto-dité, dité.

THÉÂTRAL, ALE, *adj.* Momba ny teatra, fanao amy ny teatra.

THÉÂTRE, *sm.* 1° Trano fanaovana teatra. 2°—, Fitoeran' ny mpanao teatra. 3°—, Teatra. Écrire pour le —. Mamorona *teatra*. Il connait les règles du —. Mahay ny fomba fanaovana *teatra* izy. Un coup de —. Zavatra mahagaga miseho tampoka amy ny *teatra*; *fig.* zavatra mahagaga miseho tampoka. 4° *fig.* Ce n'est qu'un roi de —. Mpanjaka amy ny anarany fotsiny hiany izy. Cette ville fut le — d'un grand évènement. Nisehoan-javatra anankiray mahagaga io tanána io. Cette province fut le — de la guerre. Tao amin' io fari-tany io no niadiana.

THÉIÈRE, *sf.* Fanaovan-dité.

THÈME, *sm.* 1° Foto-teny, foto-kevitra. Il n'a pas bien suivi son —. Tsy nanaraka tsara ny *foto-teniny*, etc., izy. 2°—, Teny adika. — latin. *Teny adika* ho latina.

THÉOCRATIE, *sf.* Fanjakana entin'

Andriamanitra. Avant Saül le gouvernement des Juifs était une —. Talohany Saoly dia *nentin' Andriamanitra* ny fanjakan' ny Jody.

THÉOCRATIQUE, *adj.* Entin' Andriamanitra.

THÉOLOGALE, *adj. f.* Momba an' Andriamanitra. Vertu —. Hatsaram-panahy *momba an' Andriamanitra.*

THÉOLOGIE, *sf.* Teolojia.

THÉOLOGIEN, *sm.* Mpahay teolojia, mpianatra teolojia.

THÉOLOGIQUE, *adj.* Momba ny teolojia.

THÉOLOGIQUEMENT, *adv.* Araka ny teolojia.

THÉORICIEN, *sm.* Mpahalala fotsiny hiany.

THÉORIE, *sf.* 1° Fandinihana, fahalalana. La — en est belle, mais la pratique en est difficile. Mahalinaritra ny *fandinihana*, etc., azy, fa ny fanaovana azy no sarotra. Voy. Spéculation. 2°—, Fahaizana, fahaizana momba ny fihetsehan' ny miaramila. La — de l'électricité. Ny *fahaizana* momba ny elektrisitý. Ce capitaine connait bien la —. Mahay tsara ny *fahaizana momba ny fihetsehan' ny miaramila* io kapiteny io.

THÉORIQUE, *adj.* Misy fandinihana, mampahay. Ce que vous dites est purement —. *Fandinihana, fahaizana* fotsiny hiany izay lazainao. Cours — et pratique. Fampianarana sady *mampahay* no mampanao.

THÉORIQUEMENT, *adv.* Araka ny fahaizana.

THÉRAPEUTIQUE, *sf.* Fahaizana momba ny fanasitranana ny aretina samihafa.

THERMAL, ALE, *adj.* Mafana. Eaux thermales. Rano *mafana.*

THERMOMÈTRE, *sm.* Termométra.

THÉSAURISER, *vn.* Mihary.

THÉSAURISEUR, EUSE, *adj.* et *s.* Mpihary.

THÈSE, *sf.* 1° Foto-teny hamarinina, foto-kevitra —. 2° *fig.* Hevitra. Changer de —. Miova *hevitra.*

THON, *sm.* Karazan-kazandrano mitovitovy amy ny zimpona.

THORACIQUE, *adj.* Amy ny tratra.

THORAX, *sm.* Tratra.

THURIFÉRAIRE, *sm.* Mpitondra fanembohana.

THYM, *sm.* Karazan-java-maniry manitra.

TIARE, *sf.* Satro-boninahitry ny papa.

TIBIA, *sm.* Taolan-dranjo lehibe, lantondranjo, lanton-tongotra.

TIC, *sm.* 1° Fipararetra. Il a un — dans la bouche. *Mipararetra* ny vavany. 2° *fig.* Fahazaran-dratsy. Il a le — de ronger ses ongles. *Za-dratsy* manaikitraikitra ny hohony izy.

TIC-TAC, *sm.* Fipipika, fipaipaika. Le — d'une montre. Ny *fipipiky* ny famantaranandro kely am-paosy. Le — d'une horloge. Ny *fipaipaiky* ny famantaranandro lehibe.

TIÈDE, *adj.* 1° Matimaty, marimaritra. Eau —. Rano *matimaty*, etc. 2° *fig.* Matimaty, tsy marisika. Dévotion —. Fitiavam-bavaka *matimaty.* Ami —. Sakaiza *tsy marisika.*

TIÈDEMENT, *adv.* Matimaty, tsy amim-paharisihana.

TIÉDEUR, *sf.* 1° Hamatimaty, hamarimaritra. 2° *fig.* Tsy faharisihana.

TIÉDIR, *vn.* Mihamatimaty.

TIEN, TIENNE, *adj.* et *pron poss.* Anao, an' ise, an' ialahy, an' indry, an' indriako, an-tena. Voilà mes livres, où sont les tiens. Indry ny bokiko, fa aiza ny anao, etc. Voy. Tu.

—, *sm.* 1° Ny anao. 2°—, *pl.* Ny ankohonanao, ny sakaizanao. Voy. Mien.

TIERS, TIERCE, *adj.* 1° Fahatelo. Écrire à une tierce personne. Mampitondra taratasy amin' olona *fahatelo.* 2° *fig.* Fièvre —. Tazo mihetsika isan' indroa andro.

—, *sm.* 1° Olona fahatelo. Il survint un —. Tamin' izay nisy *olona fahatelo* tonga. 2°—, Ampahatelony. Le — d'une pomme. Ny *ampahatelon'* ny paoma iray.

TIGE, *sf.* 1° Taho. — d'arbre. *Tahon*-kazo. — de fleurs. *Tahom*-boninkazo. La — d'une clef. Ny *tahom*-panalahidy. 2°—, Ranjo. — de botte. *Ranjom*-baoty. 3° *fig.* Loharano nisehoana. Ces deux familles sortent d'une même —. *Loharano* iray *nisehoan'* ireo fianakaviana roa ireo.

TIGNASSE, *sf.* Solovolo ratsy.

TIGRE, TIGRESSE, *s.* 1° Tigra. 2° *fig.* Olona masiaka.

TIGRÉ, ÉE, *adj.* Vandana, volon-kary. Cheval — Soavaly *vandana.* Chien —. Alika *volon-kary.* Voy. Tacheté.

TILBURY, *sm.* Kalesy maivana.

TILLAC, *sm.* Tokotanin-tsambo.
TILLEUL, *sm.* Karazan-kazo.
TIMBALE, *sf.* 1° Karazan-dangorony boribory vody. 2°—, Kapoaka metaly.
TIMBRE, *sm.* 1° Karazan-dakolosy velezin-tantanana anankiray. Le — d'une horloge. Ny *lakolosim*-pamantaranandro. 2° —, Faneno, fikarantsana. Cette voix a du —. *Maneno, mikarantsana* izany feo izany. 3°—, Fitomboka.
TIMBRÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Voaisy fitomboka, nasiana —, misy —. Papier —. Taratasy *voaisy*, etc., *fitomboka.* Cette lettre n'est pas timbrée. Tsy *misy fitomboka* io taratasy ampitondraina io. 2° *fig.* Adaladala, tsy adala tsy hendry.
TIMBRE-POSTE, *sm.* Sary fametaka amy ny taratasy ampitondraina ho solom-bola.
TIMBRER, *va.* Manisy fitomboka, mametaka *timbre-poste.*
TIMBREUR, *sm.* Mpanisy fitomboka.
TIMIDE, *adj.* Saro-tahotra, matahotra, saro-kenatra, joro, mihasihasy. Enfant —. Zaza *saro-tahotra, saro-kenatra.* Jeune homme —. Tovolahy *saro-tahotsa, saro-kenatra, joro, mihasihasy.* Il s'avança d'un air —. Nandroso tamy ny toetra *matahotahotra, mihasihasy* izy.
TIMIDEMENT, *adv.* Amin-kasarotantahotra, amin-tahotra, amin-kasarotankenatra, amim-pihasihasiana.
TIMIDITÉ, *sf.* Hasarotan-tahotra, tahotra, hasarotan-kenatra, fihasihasiana.
TIMON, *sm.* 1° Tánan-kalesy. 2°—, Tahom-pamilian-tsambo. 3° *fig.* Fitondrana. Prendre le — des affaires. Miandraikitra ny *fitondrana* ny raharaha.
TIMONIER, *sm.* 1° Soavaly fametraka amy ny tánan-kalesy. 2°—, Mpanamory sambo.
TIMORÉ, ÉE, *adj.* 1° Matahotra ny fahotana. 2°—, Be ahiahy loatra amy ny fahotana.
TINCTORIAL, ALE, *adj.* Fanaovana soka. Plante tinctoriale. Zava-maniry *fanaovana soka.*
TINE, *sf.* Baríka be vava.
TINTAMARRE, *sm.* Tabataba, korataba, kotaba.
TINTEMENT, *sm.* 1° Fidindína. 2°—, Fangintsina, figina, fikiririoka. Ce malade a de fréquents tintements d'oreille. *Migina, mikiririoka* matetika ny sofin' io marary io.

TINTER, *va.* Mampidindína, mively mitsitaitaika. Tintez la cloche. *Ampidindino, velezo mitsitaitaika* ny lakolosy.
—, *vn.* 1° Midindína, maneno mitsitaitaika. La cloche tinte. *Midindina*, etc., ny lakolosy. 2°—, Mangintsina, migina, mikiririoka. L'oreille lui tinte. *Mangintsina*, etc., ny sofiny.
TINTOUIN, *sm.* Ahiahy, fahasahiranana.
TIQUE, *sf.* Kongon'omby, — alika, etc.
TIQUETÉ, ÉE, *adj.* Maramara. Coquillage—. Akoran-driaka *maramara.*
TIR, *sm.* 1° Fitifirana. Il est habile au —. Mahay *mitifitra* izy. 2°—, Tany fitifirana.
TIRADE, *sf.* Zavatra mifandrairay sady mitohitohy amy ny boky, zavatra mitohitohy foana ao amy ny laha-teny, zavatra sesilany. Il ne lui répondit que par une — d'injures. Tsy namaly azy afatsy tamy ny teny fanesoana *sesilany* izy.
Tout d'une tirade, *loc. adv.* Sesilany, tohilany.
TIRAGE, *sm.* 1° Fitarihana, fisarihana, fanatsoahana. Le — d'un bateau. Ny *fitarihana* ny sambo kely anankiray. Route d'un — facile. Lálana mora *itarihan'* ny soavaly ny sambo kely. La cheminée n'a pas assez de —. Tsy *mitarika, misarika* tsara ny setroka ny lafaoro. Le — des métaux. Ny *fitarihana* ny metaly. Le — de la soie. Ny *fitarihana, fisarihana* ny landy folesina. Le — — d'une loterie. Ny *fisarihana, fanatsoahana* ny marika amy ny loterý. 2°—, Fanontana taratasy.
TIRAILLEMENT, *sm.* 1° Fandroridroritana, fanintontsintonana, fisaritsarihana. 2°—, Fitambolimbolina, fanotikotika, fitangolikolika. Je ressens des tiraillements d'estomac. *Mitambolimbolina* ny ambavafóko. Je ressens des tiraillements d'entrailles. *Mitambolimbolina*, etc., ny tsinaiko. 3° *fig.* Tsy fifanarahana.
TIRAILLER, *va.* 1° Mandroridroritra, manintontsintona, misaritsarika. Ils le tiraillèrent longtemps. *Nandroridroritra*, etc., azy ela izy ireo. 2° *fig.* Manao lemozy, miambezo.
—, *vn.* Mitifitifitra. On tiraille avant d'engager l'action. *Tifitifirina* aloha vao miady. Il ne fait que —. *Mitifitifitra* foana izy.

Se tirailler, *vpr.* Mifandroridroritra, mifanintontsintona, mifampisaritsarika.

TIRAILLERIE, *sf.* Fitifitifirana.

TIRAILLEUR, *sm.* Mpitifitifitra.

TIRANT, *sm.* 1° Kofehin-kitapom-bola. 2°—, Sofin-kiraro, fanintonam-baoty. 3° —, Sakamandimby na vy mihazona ny tafon-trano na ny rindrina. 4°—, Filentehana. —d'eau. *Filentehan'* ny sambo ao anatin' ny rano.

TIRÉ, ÉE, *adj.* Mahia, somazotsazoka, malazolazo. Il a la figure tirée. *Mahiahia,* etc., endrika izy. ‖ *loc.* —à quatre épingles. Mipitsopitsoka. Ils en sont à couteaux tirés. Mifanangam-pahavalo, mifampifofo izy ireo.

TIRE-BALLE, *sm.* Fanalam-bala.

TIRE-BOUCHON, *sm.* Fanalam-bosoa, torobosoa.

TIRE-BOURRE, *sm.* Fanalavory.

TIRE-D'AILE, *sm.* Indray mikopaka.

À tire d'aile, *loc. adv.* Haingana dia haingana. Voler à—. Manidina *haingana dia haingana.*

TIRE-LARIGOT (À), *loc. adv.* Boire à—. Miboboka.

TIRE-LIGNE, *sm.* Vy fanaovan-tsipika.

TIRELIRE, *sf.* Vata kely fitoeran-drakitra.

TIRER, *va.* 1° Mitarika, mandroritra, manintona, misarika, mamivitra. —une voiture. *Mitarika* kalesy. —quelqu'un par le bras. *Mitarika, mandroritra, manintona, misarika* olona amy ny sandriny. —les oreilles à quelqu'un. *Mandroritra, mamivitra* sofin' olona. —une courroie. *Mitarika, mandroritra* anja-koditra. 2°—, Manala, manaisotra, manatsoaka, manovo, mandoatra, maka, manafaka, mitery, mitranga, mifoka, milentika, mampan...., mampi.... —ses bottes. *Manala, manesotra, manatsoaka* baoty. —du sang. *Manala* ra. —l'épée du fourreau. *Manatsoaka* sabatra amy ny tranony. —de l'eau d'un puits. *Manovo* rano amy ny fantsakana. —le riz de la marmite. *Mandoa*-bary. —de l'or de la mine. *Maka* volamena amy ny tany. —le suc des viandes. *Maka* ranon' ny nofon-kena. —les billets d'une loterie, —une loterie. *Manatsoaka* marika amy ny loterý. —quelqu'un de prison. *Manaisotra, manatsoaka, manafaka* olona amy ny tranomaizina. —une épine du pied. *Manala* tsilo amy ny tongotr' olona ; *fig.* manafaka olona amy ny fahasahiranana. —quelqu'un de la boue. *Manafaka* olona amy ny fahantrana. —une vache. *Mitery* omby. —la langue. *Mitranga* lela. Ce cuir tire l'eau comme une éponge. *Mifoka* rano heatra ny sponjy io hoditra io. Ce navire tire huit pieds d'eau. *Milentika* valo dia io sambo io. — des sons d'un instrument. *Mampaneno* zava-maneno. — des larmes des yeux. *Mampilomany.* On ne saurait — un mot de lui. Tsy azo *ampitenenina* izy. 3°—, Manao, manonta. —le plan d'une maison. *Manao* sarin-trano. —une ligne. *Manao* tsipika. — un ouvrage. *Manonta* boky. 4°—, Mandefa, manapoaka, mitifitra. —le canon. *Mandefa, manapoaka* tafondro. —un oiseau. *Mitifi*-borona. 5° *fig.* Mahazo, maka. Quel avantage tirez-vous de là ? Inona no soa *azonao* amin'izany ? — parti d'une chose. *Mahazo* soa avy amy ny zavatra anankiray. — des marchandises d'un pays. *Maka* varotra amy ny tany anankiray. C'est de Saint Augustin qu'il a tiré ce passage. Tamy ny bokiny Md. Augustin no *nakany* ireo teny ireo. La conclusion que vous tirez de là n'est pas juste. Tsy marina ny hevitra *alainao* amin' izany. ‖ *loc.* — une affaire en longueur. Manela rahraha. — vengeance. Mamaly ratsy. — vanité d'une chose. Mirehareha nobo ny zavatra anankiray. — son origine, — sa source. Avy. — l'horoscope d'une personne. Maminany ny ho vintan'olona.

—, *vn.* 1° Mandefa, manapoaka, mitifitra, mikendry. — de l'arc. *Mandefa* tsipika. — contre quelqu'un. *Mitifitra* olona. — juste. *Mikendry* marina. 2°—, Somary, manopy, efa ho. Ce drap tire sur le bleu. *Somary, manopy* manga ny volon' io lopótra io. — à sa fin. *Efa ho* tapitra, *efa ho* lany, *efa ho* faty. — à conséquence. Voy. Conséquence. 3°—, Manatatra handoa vola. — sur quelqu'un. *Manafatra* olona mba *handoa* ny *vola* izay voasoratra ao amy ny taratasy.

Se tirer, *vpr.* Afaka. Se — d'embarras. *Afa*-pahasahiranana. Il s'en est tiré. *Afaka* soa aman-tsara izy.

TIRET, *sm.* Tsipika kely manakambanteny.

TIREUR, *sm.* 1° Mpitarika metaly. — d'or. *Mpitarika* volamena, mpanao taribolamena. 2°—, Mpitifitra. C'est un bon —. Mahay *mitifitra* izy. 3°—, Mpanafatra olona mba handoa ny vola voasoratra ao amy ny taratasy.

Tireuse de carte, *sf.* Vehivavy mpisikidy amy ny karatra.

TIROIR, *sm.* Vata saribana.

TISANE, *sf.* Ron-java-maniry atao fanafody.

TISON, *sm.* Forohana.

TISONNER, *vn.* Misoitsoitra afo foana.

TISONNEUR, EUSE, *s.* Mpisoitsoitra afo foana.

TISONNIER, *sm.* Fisoitrafon' ny mpanefy.

TISSAGE, *sm.* Fanenomana, tenona.

TISSER, *va.* Manenona. — de la soie. *Manenona* lasoa.

TISSERAND, *sm.* Mpanenona.

TISSERANDERIE, *sf.* Fanenomana.

TISSU, *sm.* 1° Tenona, lamba. Un beau — de soie. *Tenona*, etc., parasily tsara — inégal. *Tenona* tsy mitovy tantana. 2° —, Zavatra mifampidipiditra ao anatin' ny vatana. — fibreux. Tsiratsiraka *mifampididipiditra.* 3° *fig.* Filahatra, zavatra tsy tapaka, — mitohitohy, — mifandimbidimby. Le — de son discours est fort bon. Tsara loatra ny *filahatry* ny laha-teniny. Sa vie est un — de grandes actions. Tamy ny andro niainany *tsy tapaka, nitohitohy, nifandimbidimby* ny zavatra lehibe nataony.

TISSU, UE, *p.* et *adj.* 1° Voatenona, notenomina. Étoffe bien tissue. Lamba *voatenona*, etc., tsara. 2° —, Natao. Un nid — de laine et de mousse. Akanimborona *natao* tamy ny volon' ondry sy ny volon-kazo.

TISSURE, *sf.* Tenona. — serrée. *Tenona* mikitroka.

TITILLATION, *sf.* Firetsidretsika.

TITILLER, *va.* Mampiretsidretsika. Cette liqueur titille le palais. *Mampiretsidretsika* ny vava izany lalikera izany.

TITRE, *sm.* 1° Anaran' ny boky, loha teny. Le — d'un livre. Ny *anaran'* ny boky anankiray. Le — d'un chapitre. Ny *loha teny* amy ny toko anankiray. 2° —, Anaram-boninahitra, fiandrianana, fanaovana hoe, fiantsoana hoe. Il prend le — de prince. Manandoka ny *fiandrianan'* ny printsa izy. Le — dont je suis le plus fier est celui de votre ami. Ny mabataly ahy indrindra dia ny *atao hoe, antsoina hoe,* sakaizanao. 3° —, Tena, fitomboka, taratasy vavolombelona, antony. Il est professeur en —. *Tena* mpampianatra izy. Il n'a pas encore reçu son — de médecin. Tsy mbola nahazo *fitomboka* ho dokotera izy. Titres de noblesse. *Taratasy vavolombelon'* ny fiandrianana. — de rente. *Taratasy vavolombelon'* ny zana-bola tsy maintsy haloan' ny fanjakana. À quel — avez-vous obtenu cet emploi? Inona no *antony* nahazoanao izany raharaha izany? Il a bien des titres à mon amitié. Misy *antony* maro itiavako azy.

À titre de, *loc. prép.* Satria, ho. À — d'héritier. *Satria* mpandova. Recevez ceci à — de don. Raiso ity *ho* fanomezana fotsiny.

À juste titre, *loc. adv.* An-drariny.

TITRER, *va.* Manome anaram-boninahitra.

TITUBATION, *sf.* Fivembena, fitsivembena, firondrona, fivezimbezina, fitsirepirepy.

TITUBER, *vn.* Mivembena, mitsivembena, mirondrona, mivezimbezina, mirepirepy. Voy. CHANCELER.

TITULAIRE, *adj.* et *s.* Tena. Professeur —. *Tena* mpampianatra.

TOAST, *sm.* Santé, fiarahabana am-pisotroana. Voy. SANTÉ.

TOCSIN, *sm.* Fitatatatan' ny lakolosy miantso taitra.

TOGE, *sf.* Akanjo rebareba fanaon' ny Romana taloha.

TOHU-BOHU, *sm.* Comme CHAOS.

TOI, *pron. pers.* Voy. TU.

TOILE, *sf.* 1° Lamba. — de chanvre. *Lamba* rongony. ‖ *loc.* — d'araignée. Tranon-kala. 2° —, Efitra lamba amy ny teatra. Voy. RIDEAU.

TOILERIE, *sf.* Lamba amidy, fivarotan-damba.

TOILETTE, *sf.* Fiakanjoana, haingo, fihaingoana. Faire sa —. *Miakanjo.* Cabinet de —. Efi-trano *fiakanjoana.* Elle aime la —. Tia *haingo* izy. Elle dépense beaucoup pour sa —. Mandany be amy ny *fihaingoana* izy.

TOILIER, IÈRE, *s.* Mpivaro-damba, mpanao lamba.

—, *adj.* Momba ny fanaovan-damba. L'industrie toilière. Ny fahaizana *momba ny fanaovan-damba.*

TOISE, *sf.* Refy.

TOISÉ, *sm.* Fandrefesana. Le — est exact. Marina ny *nandrefesana* azy, ny *refiny.*

TOISER, *va.* 1° Mandrefy. 2° —, Mano-

hatra. — un soldat. *Manohatra* miaramila. 3° *fig.* Mandinika, manandrina. — — quelqu'un. *Mandinika* olona.

Se toiser, *vpr.* Mifandinika, mifanandrina.

TOISEUR, *sm.* Mpandrefy.

TOISON, *sf.* Volon' ny ondry iray manontolo.

TOIT, *sm.* 1° Tafon-trano. Monter sur le—. Miakatra any ambonin' ny *tafon-trano.* 2°—, Trano. Le — paternel. Ny *tranon*-dray. 3° *fig.* Tafon-trano. Publier une chose sur les toits. Manao antso avo eny ambony *tafon-trano.*

TOITURE, *sf.* Tafo, fanafoana.

TÔLE, *sf.* Takela-by.

TOLÉRABLE, *adj.* Azo leferina, zaka. Comme SUPPORTABLE.

TOLÉRANCE, *sf.* 1° Fandeferana, fiaretana. 2°—, Tsy fanoherana, tsy fisakanana.

TOLÉRANT, ANTE, *adj.* Tsy manohitra, tsy misakana.

TOLÉRANTISME, *sm.* Tsy fisakanana ny fivavahana na inona na inona amy ny fanjakana.

TOLÉRER, *va.* 1° Mandefitra, miaritra. — une injustice. *Mandefitra,* etc., zavatra tsy an-drariny. 2°—, Tsy manohitra, tsy misakana. — un abus. *Tsy manohitra,* etc., fanao tsy mety. On tolère toutes sortes de religions dans ce pays-là. *Tsy sakanana* avokoa rahefa mety ho fivavahana ao amin' izany tany izany.

Se tolérer, *vpr.* Mifandefitra.

TOLLÉ, *sm.* Crier — contre quelqu'un. Mamoky olona mba ho tezitra amin'olona anankiray.

TOMATE, *sf.* Voatabiha, angilom-bazaha.

TOMBAL, ALE, *adj.* Amy ny fasana. Pierre tombale. Vato tsindrim-*pasana.*

TOMBANT, ANTE, *adj.* Mitsontsorika, Tiges tombantes. Tahon-java-maniry *mitsontsorika.* ‖ *loc.* A la nuit tombante. Amantaran-dahy.

TOMBE, *sf.* 1° Vato tsindrim-pasana. 2° —, Fasana, fahafatesana. Descendre dans la —. Midina am-*pasana.* Être sur le bord de la —. Efa ho *faty.*

TOMBEAU, *sm.* 1° Fasana. 2° *fig.* Fahafatesana. Chaque jour nous rapproche du —. Isan' andro isika manatona ny *fahafatesana.* Cette maladie le mènera au —. *Hahafaty* azy izany aretina izany. ‖ *loc.* Tirer quelqu'un du —. Mahavelona, mahasitrana olona. 3°—, Fahavalo, L'anarchie est le — de la liberté. Ny fikorontanana no *fahavalon'* ny fahazakan-tena.

TOMBÉE, *sf.* À la — de la nuit. Amantaran-dahy.

TOMBER, *vn.* 1° Lavo, potraka, mianjera, mirodana, mikoa, midaboboka, miantonta, mitrosina, mitatavoka, latsaka, mirotsaka, mivarina, mihintsana, miraraka, miankohoka, miantoraka. Il est tombé à la renverse. *Lavo* nitsilany izy. Il est tombé de cheval. *Lavo, potraka, nianjera* teny ambony soavaly izy. Cette maison tombe en ruine. *Mianjera, mirodana, mikoa* io trano io. — lourdement *Midaboboka, miantonta, mitrosina.* — de tout son long. *Mitatavoka.* Les larmes tombent de ses yeux. *Latsaka, mirotsaka, mivarina* ny ranomasony. Les fruits tombent à terre. *Mihintsana, miraraka* amy ny tany ny voankazo. Il tomba à ses genoux. *Niankohoka* teo amy ny tongony izy. Les ennemis tombèrent sur les travailleurs. Ny fahavalo *nirotsaka, nivarina* namely ny mpiasa. L'oiseau tomba sur la perdrix. Ny vorona *niantoraka* tamy ny tsipoy. Ses cheveux lui tombent sur ses épaules. *Mirotsaka* eny an-tsorony ny volon-dohany. L'IKopa tombe dans le Betsiboka. Ikopa *mirotsaka, mivarina* aminy Betsiboka. 2° *fig.* Azo, voa, tratra, latsaka, milatsaka, manota. — d'épilepsie. *Azo, voa, tratry* ny androbe. La ville est tombée au pouvoir de l'ennemi. *Azon'* ny fahavalo ny tanàna. Il est tombé dans la misère. *Latsaka* anatin' ny fahantrana izy. —dans le péché. *Milatsaka* anatin' ny fahotana. Le juste tombe sept fois le jour. *Manota* impito isan' andro ny olo-marina. Cette fête tombe un dimanche. *Milatsaka* amy ny alahady izany fety izany. 3°—, Mihena, levona, tsy velona, tsy fanao, miha..., tonga. Son intelligence tombe. *Mihena* ny sainy. Le vent tombe. *Mihena* ny rivotra. Ces empires tombèrent les uns après les autres. Nifanlimby *levona* tsikelikely ireo fanjakana ireo. La conversation est tombée. *Tsy velona* intsony ny resaka. Cette coutume tombe. *Tsy fanao* loatra izany fomba izany. —en pourriture. *Mihalò.* Cela m'est tombé en partage. *Tonga* anjarako izany. —mala-

de. *Tonga* marary, mandraiki-marary. || *loc.* —en défaillance. Torana. —dans l'oubli. Hadinoina. —de son haut. Mitampim-bava, sina. —sur ses pieds. Mahay miala amy ny raharaha sarotra. Il est bien tombé. Tsara vintana izy. Il est mal tombé. Ratsy vintana izy. —sur les bras de quelqu'un Tonga andraikitr' olona. —sous la main. Sendra hita. Faire — les armes des mains. Mampionona olona. —en disgrâce. Tsy tiana intsony, very fitia. — d'accord. Mifanaraka. — dans le piège. Voafandrika. — sous les sens. Miharihary. —dans le sens de quelqu'un. Miray hevitra amin' olona, momba ny hevitr' olona.

—, *v. imp.* Latsaka, milatsaka. Il tombe de la grêle. *Latsaka*, etc., ny havandra, manavandra ny andro.

TOMBEREAU, *sm.* Sarety.

TOME, *sm.* Boky iray antsinjaran' ny boky maro mitohitohy.

TON, *adj. poss. m.* **TA,** *f.* **TES,** *pl.* Anao, an' ialahy, an' ise, an' indriako, an' indrý, an-tena. Ta maison. Ny tranonao, ny tranon' *ialahy*, ny tranon' *ise*, ny tranon' *indriako*, ny tranon' *indrý*, ny tranon-*tena*. Voy. Tu.

TON, *sm.* 1° Feo, pitsiny. Il a baissé le —. Nampidina ny *feony* izy. Prendre le —. Maka *feo*, etc. Donner le —. Manome *pitsiny*; *fig.* mitarika. 2°—, Fiteny, vava, toetra, laha-teny. Il a le — hautain. Avoavo *fiteny* izy. Il a toujours un — mielleux. Malefaka mandrakariva ny *fiteniny*, tsara *vava* mandrakariva izy. Changer de —. Miova *fiteny, toetra*. — noble. *Laha-teny* mendrika. || *loc.* Le bon—. Ny fahalalana fomba, ny fahaizana olona. Se donner un —. Mihambohambo foana, manandriandrian-tena foana. Donner du — à l'estomac. Mampahatanjaka ny ambavafó.

TONDAISON, *sf.* Comme Tonte.

TONDEUR, EUSE, *s.* Mpanety.

TONDRE, *va.* Manety. — les brebis. *Manety* ondry. —le gazon. *Manety* ahitra.

TONDU, UE, *p.* et *adj.* Voahety, nohetezana, mihety.

TONIQUE, *adj.* et *sm.* Mampahatanjaka.

TONNAGE, *sm.* Tona zakan' ny sambo ñnankiray. Droit de —. Fadintseranana aloan' ny sambo araka ny *toña zakany*.

TONNANT, ANTE, *adj.* Mikotrokotroka. Voix tonnante. Feo *mikotrokotroka*.

TONNE, *sf.* 1° Barika lehibe. 2°—, Tona, lanjana roa arivo livatra.

TONNEAU, *sm.* 1° Barika. 2°—, Eran' ny barika. Un —de vin. Divay *eran' ny barika*. 3°—, Tona, lanjana roa arivo livatra. 4°—, Kesika misy lavaka maro fanaovana antsipy lavaka.

TONNELET, *sm.* Barika kely.

TONNELIER, *sm.* Mpanao barika.

TONNELLE, *sf.* Fialokalofana misy talantalana voatoto-dravin-java-maniry.

TONNELLERIE, *sf.* Fanaovam-barika, trano fanaovam-barika.

TONNER, *v. imp.* Mikotrokotroka. Il tonne. *Mikotrokotroka* ny andro.

—, *vn.* 1° Mikotrokotroka. Le canon tonne. *Mikotrokotroka* ny tafondro. 2° *fig.* Mamelively mafy. Il a tonné contre l'ambition. *Namelively mafy* ny fitsiriritamboninahitra izy.

TONNERRE, *sm.* 1° Kotro-baratra, kotrok' orana. 2°—, Varatra, fotaka. Il fut frappé du —. Nilatsahan' ny *varatra*, etc., izy. 3° *fig.* Fikotrokotroka. C'est une voix de —. *Mikotrokotroka* ny feony.

TONSURE, *sf.* Fanasolana tampon-doha.

TONSURÉ, *sm.* (Mpianatra ho pretra) voasola tampon-doha.

TONSURER, *va.* Manasola tampondoha.

TONTE, *sf.* 1° Fanetezana ondry. Faire deux tontes par an. *Manety ondry* indroa isan-taona. 2°—, Volon'ondry voahety. La — a été abondante. Be dia be ny *volon'ondry voahety*. 3°—, Taompanetezana ondry.

TONTURE, *sf.* Potipoti-javatra nesorina tamy ny zavatra nohetezana.

TOPAZE, *sf.* Karazam-batosoa vony, topazy.

TOPER, *vn.* Manaiky.

TOPETTE, *sf.* Tamaboha kely.

TOPINAMBOUR, *sm.* Zava-maniry mamody lavalava mitovitovy amy ny ovimbazaha.

TOPIQUE, *adj.* et *sm.* Fanafody fametaka.

TOPOGRAPHE, *sm.* Mpilaza ny toetry ny fari-tany anankiray, mpanao sary ny fari-tany anankiray.

TOPOGRAPHIE, *sf.* Filazana ny toetry ny fari-tany anankiray, fanaovantsary ny fari-tany anankiray.

TOPOGRAPHIQUE, *adj.* Mampiseho ny toetry ny fari-tany anankiray. Carte —. Sarin-tany *mampiseho ny toetry ny fari-tany anankiray.* Description—. Filazana *ny toetry ny fari-tany anankiray.*

TOQUADE, *sf.* Hadalana, haitraitra. Voy. MANIE.

TOQUE, *sf.* Satroka fanaon' ny mpitsara.

TOQUÉ, ÉE, *adj.* et *s.* Adala, manondrana, manasatsasaka.

TOQUER, *va.* Mahadala, mampanondrana, mampanasatsasaka. La poésie l'a toqué. Ny fanaovana tonon-kira *nahadala*, etc., azy.

TORCHE, *sf.* Fanilo, fototra, harendrina.

TORCHÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Veafitra, nofirana, voafaoka, nofaohana. 2° *fig.* Natao zara fa vita. Ouvrage mal —. Lahasa *natao zara fa vita.*

TORCHER, *va.* Mamitra, mamaoka.

TORCHIS, *sm.* Feta mihare bozaka.

TORCHON, *sm.* Lamba famaohana, sariveta.

TORDAGE, *sm.* Fanolanana.

TORDEUR, EUSE, *s.* Mpanolana.

Tordeuse, *sf.* Mangoronkely.

TORDRE, *va.* 1° Manolana, manasina. — du linge. *Manolan*-damba. — du fil. *Manasim*- poly. — le cou à un poulet. *Manolana* vozon' akoho. 2°—, Mampiolana, mampivilana — le cou. *Mampiolam*-bozona. —la bouche. *Mampivilam*-bava. 3° *fig.* — une loi. Mamily ny hevitry ny lalàna. — un passage. Mamily ny hevitry ny teny sasany. Ne faire que — et avaler. Mandrebodreboka.

Se tordre, *vpr.* Miolana.

TORÉADOR, *sm.* Mpitaingin-tsoavaly miady amy ny ombalahy.

TORPEUR, *sf.* 1° Havahotra mafy, fahavalahana mafy. Ce malade est dans la —. *Vahotra, valaka mafy* io marary io. 2° *fig.* Fahavalahana, haketrahana. Les esprits sont dans la —. *Valaka, ketraka* avokoa ny sain' ny olona rehetra.

TORPILLE, *sf.* 1° Karazan-kazandrano mampahangoly ny tànana raha voakasika. 2°—, Fiadiana apetraka any anaty ranomasina mba hamaky ny sambon' ny fahavalo.

TORRÉFACTION, *sf.* Fanendasana.

TORRÉFIER, *va.* Manendy. — du café. *Manendy* kafé.

TORRENT, *sm.* 1° Ranon-driaka, riaka. 2° *fig.* Zavatra mandriaka, —tsy toko tsy forohana. Verser un — de larmes. Mandrotsaka ranomaso *mandriaka.* Un —d' injures. Teny faniratsirana efa *tsy toko tsy forohana.* 3°—, Hery. Résister au — des passions. Manohitra ny *herin'* ny filan-dratsy.

TORRENTIEL, IELLE, *adj.* Mitrena hoatra ny riaka. Pluies torrentielles. Ranonorana *mitrena.* Eaux torrentielles. Ranon-*driaka mitrena.*

TORRENTUEUX, EUSE, *adj.* Mimamamama, mimaona. Rivière torrentueuse. Renirano *mimamamama*, etc.

TORRIDE, *adj.* Mafana. Zone—. Tany *mafana* anelanelan' ny tropika roa.

TORS, TORSE, *adj.* Miolana. Fil—. Taretra *miolana.* Colonne torse. Andry *miolana.*

TORSADE, *sf.* Somotr' aviavy miolana.

TORSE, *sm.* Sarin' ny tenaben' olona, tenabe.

TORSION, *sf.* Fanolanana, fiolana.

TORT, *sm.* 1° Hadisoana, heloka, ratsy atao. Le — est de son côté. Izy no *diso, meloka.* Il a réparé ses torts. Nanonitra ny *hadisoana*, ny *heloka*, ny *ratsy nataony* izy. 2°—, Fatiantoka, fanisiana ratsy, fanimbana, fahasimbana. Il ne lui a pas fait—d'une piastre. Tsy *namono antoka* azy izy na dia vola ariary aza. Il ne faut pas faire — à son prochain. Tsy tokony hanao izay *hahafaty antoka, hahasimba* ny namana, tsy tokony *hanisy ratsy, hanimba* ny namana. La grêle a fait bien du — dans ce pays-là. *Nanimba, nahasimba* zavatra be loatra tamin' izany tany izany ny havandra.

À tort, *loc. adv.* Tsy an-drariny. On l'accuse à—. Ampangaina *tsy an-drariny* izy.

À tort et à travers, *loc. adv.* Kitoatoa. Il parle à — et à travers. Miteny *kitoatoa* izy.

À tort ou à raison, *loc. adv.* Na tsy an-drariny na an-drariny.

TORTICOLIS, *sm.* Fiolanana am-pandriana.

TORTILLAGE, *sm.* Teny misafotofoto.

TORTILLEMENT, *sm.* 1° Fanolanolanana, fiolanolanana. 2° *fig.* Olakolaka, fiolakolahana.

TORTILLER, *va.* Manolanolana. — des cheveux. *Manolanolana* volondoha.

—, *vn*. Miolakolaka. Il n'y a pas à —. Tsy tokony *hiolakolaka*.

Se tortiller, *vpr*. Miolanolana. Voyez comme ce serpent se tortille. Jereo ny *fiolanolan'* ity bibilava ity.

TORTU, UE, *adj*. 1° Meloka, mivaona, mivilavila, mivilana, mivadika, miolana, miolikolika. Bois —. Hazo *meloka, mivaona, mivilavila*. Nez—. Orona *mivilana*. Il a les pieds tortus. *Mivadika* ny tongony. Il a les jambes tortues. *Miolana* ny ranjony. Chemin —. Lálana *miolikolika*. 2° *fig*. Mivaona. Il a l'esprit —. *Mivaona* ny sainy.

TORTUE, *sf*. 1° Fano, reré, sokatra. — de mer. *Fano*. Grande — d'eau douce. *Reré*. Petite — d'eau douce. *Sokatra*. 2° *fig*. Il marche à pas de —. Miadampandeha izy.

TORTUEUSEMENT, *adv*. 1° Miolikolika. 2° *fig*. Miolakolaka.

TORTUEUX, EUSE, *adj*. 1° Miolikolika, mifelipelika. Chemin —. Lálana *miolikolika*, etc. 2° *fig*. Miolakolaka. Conduite tortueuse. *Fiolakolaka*.

TORTURE, *sf*. 1° Fampijaliana. 2° *fig*. Fandraiketan-tsaina mafy, ahiahy. Se mettre l'esprit à la —. *Mandraiki-tsaina mafy* mba handini-javatra. Mettre quelqu'un à la —. Mahabe *ahiahy* olona.

TORTURER, *va*. 1° Mampijaly. 2° *fig*. Mamily. — un texte. *Mamily* ny hevitry ny teny ho amy ny hevitra tsizy.

TÔT, *adv*. Faingana. Il faut mourir — ou tard. Tsy maintsy ho faty na *faingana* na ela.

TOTAL, ALE, *adj*. 1° Ankapobe. Nombre —. Isa *ankapobe*. 2°—, Indrindra. Il est dans un abandonnement —. Nilaozana *indrindra* izy.

—, *sm*. Tontaly, ankapobe, rehetra, daholo. Le — d'une addition. Ny *tontalin'* ny adisanina. Le — de sa succession. Ny *tontaly, ankapoben'* ny lovany, ny lovany *rehetra, daholo*.

Au total, *loc. adv*. Kanefa, na dia izany aza.

TOTALEMENT, *adv*. Indrindra. Il est — ruiné. Lany harena *indrindra* izy.

TOTALISER, *va*. Manatontaly, manakapoka.

TOTALITÉ, *sf*. Tontaly, ankapobe, rehetra, daho'o.

TOUCHANT, ANTE, *adj*. Mampangoraka, mahonéna, mampitsetra. Des paroles touchantes. Teny *mampangorakoraka*, etc.

Touchant, *prép*. Momba, amy ny. Comme CONCERNANT.

TOUCHE, *sf*. 1° Fitendrena amy ny armonia. 2° —, Fanoso-doko, fandaha-teny.

TOUCHE-À-TOUT, *sm*. Olona tia rairay, — karokaroka.

TOUCHER, *va*. 1° Mikasika, manendry, mitsapa, manohina, manolotra, mifanolotra. —de la main. *Mikasika, manendry, mitsapa, manohina* amy ny tánana. Il le toucha du pied. *Nikasika, nanohina* azy tamy ny tongony izy. — un lingot d'or. *Mitsapa* anja-bolamena. Ma maison touche la sienne. *Mikasika, manolotra* ny azy, *mifanolotra* amy ny azy ny tranoko. 2°—, Mandray, mitendry. —de l'argent. *Mandray* vola. — l'harmonium. *Mitendry* armonia. 3° *fig*. Mikasika, raharaha, mihavana. Il a touché ce sujet en passant. *Nikasika* kely hiany izany foto-kevitra izany izy. Cela ne me touche en rien. Tsy *mikasika* ahy, tsy *raharahako* velively izany. Il me touche de près. *Mihavana* akaiky amiko izy. 4°—, Mampangoraka, mahonéna, mampitsetra, manetsika ny fo. Son malheur me touche. *Mampangoraka, mahonéna, mampitsetra* ahy ny fahoriany. Dieu l'a touché, il s'est converti. Andriamanitra *nanetsika ny fony*, ka nibebaka izy.

—, *vn*. 1° Mikasika, manendry, manohina. Il touche à tout. *Mikasikasika, manendritendry, manohintohina* ny zavatra rehetra izy. Le navire touche. *Mikasi*-javatra ny sambo. 2°—, Mandray, mitendry, mahatakatra, mitody kely, miantsona kely. — dans la main. *Mifandray* tánana (mba hifanaraka). — du piano. *Mitendry* piano. Il est si grand qu'il touche au plancher. Lavabe izy, ka *mahatakatra* ny rihana. — à une île. *Mitody, miantsona kely* amy ny nosy anankiray. 3° *fig*. Efa ho..., antomotra, mikasika. Il touche à sa fin. *Efa ho* faty izy. Nous touchons à l'hiver. *Antomotra* ny ririnina isika. Voilà des mets auxquels on n'a pas touché. Indreto ny nahandro tsy mbola *voakasikasika*, voadiadia. On n'a pas touché à cette loi. Tsy *nokasihina* izany lalána izany.

Se toucher, *vpr*. Mifampikasika, mifanolotra, mifando-bo ly ria Iria. Ces deux

maisons se touchent. *Mifampikasika*, etc., ireo trano roa ireo.

TOUCHER, *sm*. 1° Fikasihana, fitsapana. Cela se connaît au —. Fantatra izany raha *tsapaina*. 2°—, Fitendry. Il a un — brillant. Mahagaga ny *fitendriny*.

TOUFFE, *sf*. Zavatra mivondrona. — d'arbres, de cheveux. Hazo, volon-doha *mivondrona*.

TOUFFU, UE, *adj*. Matevina, mikitroka, mikirindro, milobolobo. Bois —. Ala *matevina*, *mikitroka*, *mikirindro*. Barbe touffue. Volom-bava *matevina*. Arbre —. Hazo *milobolobo*.

TOUJOURS, *adv*. 1° Mandrakariva, lalandava, mandrakizay. Il lit —. Mamaky teny *mandrakariva*, *lalandava* izy. Il est — en colère. Tezitra *mandrakariva*, tezi-*dava* izy. Ils se sont dit adieu pour —. Nifanao veloma ho *mandrakizay* izy ireo. 2°—, Kanefa, na dia izany aza. — est-il honnête. *Kanefa*, etc., tsara fanaby izy.

TOUPET, *sm*. 1° Volo mivondrona, sanga. 2° *fig*. Hasahiana. Avoir du —. *Sahisahy*.

TOUPIE, *sf*. Tandrimo, sangodina.

TOUR, *sf*. Tilikambo. — de Babel. *Tilikambony* Babela.

TOUR, *sm*. 1° Fihodinana, fitsingerenana. Cette planète fait son — en douze ans. *Mihodina*, *mitsingerina* indray mandeha isaka ny roa amby ny folo taona izany planeta izany. 2°—, Fitsangantsanganana, fiverimberenana, fitetezana, fandehanana manodidina, fihodidinana. Il est allé faire un —. Lasa *nitsangantsangana* izy. Cette rivière fait plusieurs tours et retours. *Miverimberina* io reniranо io. Il fait son — de France. *Mitety* any Frantsa izy. Il a fait le — du monde. *Nandeha nanodidina* ny tany izy. Ce bracelet fait plusieurs tours autour du bras. *Mihodidindidina* ny sandry io fehin-tánana io. 3°—, Manodidina. Cet arbre a six pieds de —. Misy enindia *manodidina* io hazo io. 4°—, Milina famoasana. 5° *fig*. Hakingan-tánana, hafetsena, fitaka. Il sait faire des tours de cartes. *Kinga tánana* amy ny karatra izy. Il lui a joué un —. *Nametsy*, *namitaka*, *nifetsy* azy izy. 6°—, Fandaha-teny. Il donne un — agréable à tout ce qu'il dit. Mahafinaritra ny *fandahany teny* amy ny zavatra rehetra lazainy. 7° —, Anjara, fifandimbasana. Chacun à son —. Samy amy ny *anjarany*, samy *mifandimby*. ‖ *loc*. A — de bras. Araka izay tratry ny aina. En un — de main. Miaraka amy ny vava, poatoizay, tsy ampy toy inona. Personne faite au —. Olona hoatra ny notefena. — du bâton. Vola azo an-tsefatsefany. — de force. Hatanjahana mahagaga, fahaizana mahagaga.

Tour à tour, *loc. adv*. Mifandimby.

TOURBE, *sf*. 1° Fompotra. 2°—, Bozaka aman' ahitra.

TOURBEUX, EUSE, *adj*. Misy fompotra.

TOURBIÈRE, *sf*. Tany misy fompotra.

TOURBILLON, *sm*. 1° Tadio, ranomody, zavatra mitambolimbolina. — de poussière. Vovoka *mitambolimbolina*. 2° *fig*. Zavatra mahasondriana. Il est dans le — des affaires. *Sondriana* amy ny raharaha maro izy.

TOURBILLONNEMENT, *sm*. Fitambolimbolina, fisangodingodina.

TOURBILLONNER, *vn*. Mitambolimbolina, misangodingodina. L'eau tourbillonne. *Mitambolimbolina*, etc., ny rano.

TOURELLE, *sf*. Tilikambo kely.

TOURISTE, *sm*. Mpivahiny mizaha tany.

TOURMENT, *sm*. 1° Fijaliana, fampijaliana. 2° *fig*. Ahiahy, fahasahiranana.

TOURMENTE, *sf*. 1° Tafio-drivotra. 2° *fig*. Fikorontanana. — politique. *Fikorontanana* amy ny fanjakana.

TOURMENTER, *va*. 1° Mampijaly. La goutte le tourmente. *Mampijaly* azy ny gaotra. 2°—, Mampihetsika mafy. Le vent tourmente le navire. Ny rivotra *mampihetsiketsika mafy* ny sambo. 3° *fig*. Mahabe ahiahy, manahirana, manenjika. Ce procès le tourmente. *Mahabe ahiahy* azy izany ady izany. Cet homme me tourmente avec ses visites. *Manahirana* ahy amy ny famangiana atao ny io lehilahy io. Ses créanciers le tourmentent. Ny mpitaky trosa *manenjika* azy.

Se tourmenter, *vpr*. Be ahiahy, misahirana.

TOURNAILLER, *vn*. Mihelingelina. Cessez de — autour de moi. Aza *mihelingelina* manodidina ahy.

TOURNANT, *sm*. 1° Kihon-dálana, fiolahan-dreniranо. 2°—, Ranomody.

TOURNANT, ANTE, *adj*. Mihodina. Pont —. Tetezana *mihodina*.

TOURNÉ, ÉE, *adj.* 1° Natao tamy ny milina famoasana, novoasana. 2°—, Niharatsy, nihasimba. Vin —. Divay *niharatsy.* 3° *fig.* Personne bien tournée. Olona hoatra ny notefena. Personne mal tournée. Olona tèfy maika. Il a l'esprit mal —. Mivaona ny sainy.

TOURNEBROCHE, *sm.* Milina mampihodina ny salazam-by.

TOURNÉE, *sf.* Fitetezana. L'inspecteur est en —. Ny mpikarakara *mitety* ny fari-tany izay anjarany.

TOURNER, *va.* 1° Mampihodina, manodina. — une roue. *Mampihodina,* etc., kodiarana. ‖ *loc* — la tête. Miherika. — les pieds en dehors. Tsivaka. — les pieds en dedans. Midi-pandeha. — le dos à quelqu'un. Miamboho olona ; *fig.* miombika amin' olona, mamadika olona. 2° —, Mamadika, manodivitra, mitondra. Tournez le feuillet. *Avadiho* ny takela-taratasy. —une montagne. *Manodivitra* tendrombohitra anankiray. Il tourna ses armes contre les Romains. *Nitondra* ny miaramilany mba hamely ny Romana izy. 3° —, Mivaofy amy ny milina, mandamina. — des pieds de chaise. *Mivaofy* tongo-tseza *amy ny milina.* Il a bien tourné sa lettre. *Nandamina* tsara ny taratasy nampitondrainy izy. 4° *fig.* — le dos aux ennemis. Miamboho lehilahy. — la tête à quelqu'un. Mampivadika ati-doha olona. — quelqu'un à son gré. Mampanaraka ambokony olona. — une difficulté. Mihodivitra amy ny raharaha sarotra. — casaque. Miendaka. mivadika. — bride. Miala amy ny raharaha sarotra. — quelqu'un en ridicule. Manaraby olona.
—, *vn.* 1° Mihodina, misangodina. La terre tourne. *Mihodina,* etc., ny tany. Le vent a tourné. *Nihodina* ny rivotra. 2°—, Miharatsy, mihasimba. Le lait a tourné. *Niharatsy,* etc., ny ronono. 3° *fig.* Miafara, miova, mivadika, miandany, mampahazo. L'affaire a bien tourné. Tsara *miafara* ny raharaha. Ce jeune homme tourne mal. *Miova* ho ratsy io tovolahy io. Il tourne à tout vent. *Miovaova, mivadibadi*-kevitra izy. La chance a tourné. *Nivadika* ny rasa. — du côté de quelqu'un. *Miandany* amin' olona. Cela tournera à son honneur. *Hampahazo* voninahitra azy izany. La tête lui tourne. *Mivadika* ny ati-dohany, fanina, badenina izy.

Se tourner, *vpr.* 1° Mivadika, mitodika. — dans son lit. *Mivadika* ao am-pandriana. Se — vers quelqu'un. *Mitodika* olona. 2° *fig.* Manjary, tonga. Ce qu'il mange se tourne en bile. *Manjary,* etc., ranon' afero izay haniny.

TOURNESOL, *sm.* (Voninkazo) Tanamasoandro.

TOURNEUR, *sm.* Mpivaofy amy ny milina.

TOURNEVIS, *sm.* Sokodrevo.

TOURNIQUET, *sm.* 1° Hazo mitanambokovoko misangodina ambony tsatokazo. 2°—, Zavatra misangodina atao filokana.

TOURNOI, *sm.* Sarin' ady taloha.

TOURNOIEMENT ou **TOURNOÎMENT,** *sm.* Fisangodingodina, fitambolimbolina. Le — du vent. Ny *fisangodingodina,* etc., ny rivotra.

TOURNOYER, *vn.* 1° Misangodingodina, mitambolimbolina. La poussière tournoie. *Misangodingodina,* etc., ny vovoka. 2° *fig.* Mihodivitra, miolakolaka, manary dia.

TOURNURE, *sf.* 1° Bika. Il a une jolie —. Tsara *bika* izy. 2°—, Toetra. L'affaire prend une bonne —. Mihatsara ny *toe*draharaha. Il a une — d'esprit agréable. Mahafinaritra ny *toe*-tsaina asehony.

TOURTE, *sf.* Karaza-mofo mamy.

TOURTEREAU, *sm.* Zana-domohina.

TOURTERELLE, *sf.* Domohina.

TOUSSAINT (LA), *sf.* Fetin' ny olomasina rehetra.

TOUSSER, *vn.* Mikohaka, mitrosina.

TOUSSEUR, EUSE, *s.* Mpikohaka.

TOUT, TOUTE, *adj.* 1° Rehetra, daholo, avokoa, tontolo, manontolo, mandritra. — le peuple y accourut. Nidodododo tao ny vahoaka *rehetra,* nidodododo tao *avokoa* ny olona. Tous les habitants vinrent au-devant de lui. Nitsena azy ny mponina *rehetra,* nitsena azy *daholo, avokoa* ny mponina. — l'univers. Izao *tontolo* izao Aimez Dieu de — votre cœur. Tiavo amy ny fonao *rehetra, manontolo* Andriamanitra.— le jour. *Mandritra* ny andro. 2°—, Isaka. Tous les jours. *Isan'* andro. — les trois jours. *Isaha* ny hateloana.

TOUT, *sm.* 1° Zavatra iray manontolo, ny zavatra rehetra, ny olon-drehetra. Diviser un — en plusieurs parties. Mizarazara ho maro *zavatra anankiray manontolo.* Il sait —. Mahalala ny *zavatra rehetra* izy. — est dans l'épouvante. Ma-

tahotra *ny olona rehetra.* 2°—, Ny zavatra lehibe indrindra. Le — est de réussir. *Ny zavatra lehibe indrindra* dia ny manatanteraka mihitsy. ‖ *loc.* Ce n'est pas —. Tsy ampy izany, tsy izany hiany. Il y a une différence du — au —. Samihafa lavitra izy ireo. Jouer le — pour le —. Manao vy very ny harena rehetra hahazoana be dia be. Un risque —. Mpanao vy very ny aina.

Après tout, *loc. adv.* Kanefa, na dia izany aza.

À tout prendre, *loc. adv.* Ankapobe.

En tout, *loc. adv.* Izany rehetra izany. Cela fait cent piastres en —. Ariary zato *izany rehetra izany* raha mitambatra.

Du tout, *loc. adv.* Na inona na inona, tsy akory. Il n'aura rien du —. Tsy hahazo *na inona na inona* izy. Je n'en veux point du—. *Tsy* tiako *akory* izany.

TOUT, *adv.* 1° Indrindra, izaitsizy, dia..., lavitra, fatratra, loatra. Ils furent — étonnés. Gaga *indrindra, izaitsizy,* gaga *dia* gaga izy ireo. C'est maintenant un — autre homme. Hafa *lavitra* izy ankehitriny fa tsy tahaka ny taloha. Il est — cœur. Tia *izaitsizy,* tia *dia* tia, tia *fatratra, loatra* izy. Il est — oreilles. Mihaino *dia* mihaino, mihaino *fatratra* izy. 2°—, Na dia aza. — sage qu'il est. *Na dia* hendry *aza* izy.

Tout à coup, *loc. adv.* Tampoka, vetivety foana.

Tout d'un coup, *loc. adv.* Indray mandeha monja, haingana, vetivety foana. Voy. Coup.

Tout de bon, *loc. adv.* Marina, tokoa.

Tout à fait, *loc. adv.* Indrindra.

Tout à l'heure, *loc. adv.* Voy. Heure.

TOUTEFOIS, *adv.* Kanefa, nefa, kanjo. Comme Cependant.

TOUTE-PUISSANCE, *sf.* Fahefana tsy misy fetra. La—de Dieu. Ny *fahefan'* Andriamanitra *tsy misy fetra.*

TOUT-PUISSANT, TOUTE-PUISSANTE, *adj.* Mahefa ny zavatra rehetra, manam-pahefana tsy misy fetra.

—, *sm.* Ny Mahefa ny zavatra rehetra, ny Tsitoha.

TOUX, *sf.* Kohaka, trosina. — sèche. *Koha*-maina. Il a une — violente. *Mikohaka* mafy, *mitrosina* ery izy.

TOXIQUE, *sm.* Poizina.

—, *adj.* Misy poizina. Substance —. Zavatra *misy poizina.*

TRACAS, *sm.* Fahasahiranana, ahiahy.

TRACASSER, *va.* Manahirana, manorisory, mihetraketraka.

Se tracasser, *vpr.* Misahirana, sahirana, be ahiahy.

TRACASSERIE, *sf.* Filam-baniny, filan-tonony, fanorisorena, fihetraketrahana.

TRACASSIER, IÈRE, *s.* Mpila vaniny, — tonony, mpanorisory, mpihetraketraka.

—, *adj.* Manahirana. Police—. Polisy *manahirana.*

TRACE, *sf.* 1° Dia. Suivre des voleurs à la —. Manara-*dia* ny mpangalatra. Les traces des roues. Ny *dian'* ny kodiarana. Voy. Marque. 2° *fig.* Lálana. Marcher sur les traces des saints. Manaraka ny *lálana* nodiavin' ny olo-masina. 3°—, Fahatsiarovana, fahafantarana. Cette année a laissé des traces dans mon esprit. Mbola *tsaroan'* ny saiko ny tamin' iny taona iny. On n'aperçoit en lui aucune—de la bonne éducation qu'il a reçue. Tsy misy zavatra *ahafantarana* velively fa nahazo fianarana tsara izy.

TRACÉ, *sm.* Sary, soritra, soratra. Le — d'un chemin. Ny *sary,* ny *soritry* ny lálana hatao. Le — d'une broderie. Ny *soratr'* amboridao.

TRACEMENT, *sm.* Fanoritana.

TRACER, *va.* 1° Manao sarin-javatra, manao, manoritra, manoratra. —une ligne droite. *Manao* tsipika mahitsy. — une allée. *Manoritra* araben-dálana. — des fleurs sur du canevas. *Manoratra* sarim-boninkazo amy ny lamba. 2° *fig* Manoro, mitantara. Il suit le chemin que ses pères lui ont tracé. Manaraka ny lálana *natoron'* ny razany azy izy. — à quelqu' un des règles de conduite. *Manoro* olona fitsipi-pitondran-tena. Il nous a tracé le tableau de ses malheurs. *Nitantara* taminay ny fahoriana nanjó azy izy.

TRACHÉE-ARTÈRE, *sf.* Tendabe, lálan-drivotra amy ny avokavoka.

TRACTION, *sf.* Fitarihana.

TRADITION, *sf.* 1° Fanolorana. La vente se consomme par la — de la chose vendue. Tapaka ny varotra rahefa *voalolotra* ny zavatra vidiny. 2°—, Lovan-tsofina.

TRADITIONNEL, ELLE, *adj.* Avy amy ny lovan-tsofina.

TRADITIONNELLEMENT, *adv.* Araka ny lovan-tsofina.

TRADUCTEUR, *sm.* Mpandika teny amy ny boky.

TRADUCTION, *sf.* Fandikan-teny amy ny boky, dikan-teny amy ny boky.

TRADUIRE, *va.* 1° Mandika teny amy ny boky. 2°—, Manazava. Traduisez-moi votre pensée en termes plus clairs. *Hazavao* amiko amy ny teny mazava kokoa ny hevitrao. 3°—, Mitory. —en justice. *Mitory* amy ny fitsarana.

TRADUISIBLE, *adj.* Azo adika.

TRAFIC, *sm.* 1° Varotra, fivarotana, fandrantoana. Voy. COMMERCE. 2° *fig.* Varo-dratsy. Il fait — des choses saintes. *Mivarotra* ny zavatra masina izy.

TRAFIQUANT, *sm.* Mpivarotra, mpandranto.

TRAFIQUER, *vn.* 1° Mivarotra, mandranto. 2° *fig.* Manao varo-dratsy.

TRAGÉDIE, *sf.* 1° Teatra mampientana ny fo. 2° *fig.* Loza. Il s'est passé d'horribles tragédies dans cette cour. Nisy *loza* mahatsiravina tao amin' izany rova izany.

TRAGÉDIEN, IENNE, *s.* Mpanao teatra mampientana ny fo.

TRAGI-COMÉDIE, *sf.* Teatra mampientana ny fo sady mampihomehy.

TRAGI-COMIQUE, *adj.* Mampientana ny fo sady mampihomehy.

TRAGIQUE, *adj.* 1° Momba ny *tragédie.* 2° *fig.* Mahatsiravina. Mort—. Fahafatesana *mahatsiravina.*

—, *sm.* 1° Teatra mampientana ny fo. 2°—, Mpamorona *tragédie,* mpanao teatra mampientana ny fo.

TRAGIQUEMENT, *adv.* Mahatsiravina.

TRAHIR, *va.* 1° Mamadika, mivadika. —un ami. *Mamadika* sakaiza. —sa foi. *Mivadika* amy ny finoany. 2°—, Manambara, ahafantarana. — un secret. *Manambara* ny tsiambaratelo. Sa voix l'a trahi. Ny feony no *nanambara, nahafantarana* azy. 3°—, Mahadiso fanantenana, mahafoana. Les évènements trahirent ses espérances. Ny zavatra niseho *nahadiso* fanantenana azy, *nahafoana* ny fanantenany.

Se trahir, *vpr.* 1° Mamita-tena. 2°—, Manambara tena tsy nahy.

TRAHISON, *sf.* Famadihana, fivadihana, fikomiana, fiodinana. Haute —. *Fikomiana, fiodinana.*

TRAIN, *sm.* 1° Fandeha. Ce cheval va bon —. Haingam-*pandeha* io soavaly io. 2°—, Tongotra, tantin-kalesy, mpanaraka maro sy soavaly maro miaraka, zavatra maro mifanarakaraka. — miaraka, kalesy maro mifampitohitohy amy ny lálam-by: Ce cheval a le—de devant faible. Malemilemy ny *tongo*-tanan' ity soavaly ity. Faire mettre un—neuf à une voiture. Mampanisy *tantin-kalesy* vaovao amy ny kalesy. Il marche avec un grand—. Betsaka ny *mpanaraka sy ny soavaly miaraka* aminy raha mandeha izy. Un grand — de chevaux. Soavaly *maro mifanarakaraka.* — d'artillerie. Tafondro *maro miaraka.* —express. *Kalesy maro mifampitohitohy amy ny lálam-by* mandeha haingana dia haingana. 3°—, Tabataba. Faire du —. *Mitabataba.* 4°—, Toe-piainana, fandrosoana. Il va toujours son même —. Mitovitovy mandrakariva ny *toe-piainany.* L'affaire est en bon —. *Mandroso* tsara ny raharaha. || *loc.* Mettre une affaire en —. Manomboka raharaha. Être en —. Falifaly, varivary.

TRAÎNANT, ANTE, *adj.* 1° Mitarika. Robe traînante. Zipo *mitarika.* 2° *fig.* Matoritory, ridralava. Voix traînante. Feo *matoritory.* Style —. Laha teny *matoritory,* etc.

TRAÎNARD, *sm.* 1° Miaramila mpitaredrotra. 2° —, Mpitaredretra.

TRAÎNE, *sf.* Bateau à la —. Sambo taritin' ny hafa.

TRAÎNEAU, *sm.* 1° Kalesy kely tsy misy kodiarana fitondra eny ambony ranomandry. 2° —, Rambaramba.

TRAÎNÉE, *sf.* Zavatra raraka mitanjozotra, tetiafo. — de blé. Varim-bazaha *raraka mitanjozotra.* —de poudre. *Tetiafo.* Mettre le feu à la —. Mampirehitra *tetiafo.*

TRAÎNER, *va.* 1° Mitarika, mitondra. — une voiture. *Mitarika* kalesy. Il traîne la jambe. *Mitari*-pe izy. La rivière traîne bien du sable. *Mitondra* fasika betsaka ny renirano. — quelqu'un partout. *Mitondra* olona hatraiza hatraiza. 2° *fig.* — une affaire en longueur. Manalava raharaha. — ses paroles. Mitaredretra fiteny. — sa chaine. Mitondra maizina. — quelqu'un dans la boue. Manoso-potaka olona.

—, *vn.* 1° Mitarika. Votre robe traîne. *Mitarika* ny ziponao. 2° —, Mitaredretra. Il y a toujours des soldats qui traînent. Mandrakariva misy miaramila *mitaredretra.* 3° *fig.* Samosy, saozanina,

matoritory. Notre affaire traine. *Samosy* ny raharahantsika. Ce malade traine depuis longtemps. *Saozanina* hatry ny ela io marary io. Ce discours traine. *Matoritory* izany laha-teny izany. 4°—, Mihahaka. Il laisse tout—. Avelany *hihahaka* ny zavatra rehetra.

Se traîner, *vpr.* Mandady. —par terre. *Mandady* amy ny tany. Il se traina chez son médecin. *Nandady* nankany amy ny dokotera izy.

TRAÎNEUR, *sm.* Mpitarika.

TRAIRE, *va.* Mitery.

TRAIT, *sm.* 1° Zava-maranitra alefa toy ny zana-tsipíka na longy. ‖ *loc.* Partir comme un—. Mitsoriaka hoatra ny helatra. 2°—, Tady na anja-koditra itarihan'ny soavaly kalesy. Cheval de—. Soavaly *mpitarika.* 3°—, Tsipika. Cette lettre est formée de deux traits. Misy *tsipika* roa io litera io. —d'union. *Tsipika* kely manakambana teny. Dessin au—. Sary atao amy ny *tsipitsipika.* ‖ *loc.* Copier —pour—. Manao mitovy dia mitovy. Avaler d'un—. Manao indray migorodana, —indray migoka. 4°—, Endrika, tareby, tokotanin-tareby. Il a tous les traits de son père. Mitovy *endrika,* etc., amindrainy izy. 5° *fig.* Zavatra mahagaga. Un —de courage. Herim-po *mahagaga.* Un —d'esprit. Hevitra mampiseho haranitan-tsaina *mahagaga.* 6°—, Fifandraisana, fombána. Cela a—au commerce. *Mifandray* amy ny varotra izany, *momba* ny varotra izany.

TRAITABLE, *adj.* Mora entina, mora fehezina, mora ifanarahana.

TRAITANT, *sm.* Mpandranto.

TRAITE, *sf.* 1° Ezaka. Il y a une longue —d'ici là. Lavitra *ezaka* hatreto ka hatrany. Aller tout d'une — d'une ville à une autre. Manao indray *manezaka* hatramy ny vohitra anankiray ka hatramy ny hafa. 2°—, Fandrantoana, famarinana olona, fitondrana sambotra. Ce bâtiment fait la —. *Mpamarina olona, mpitondra sambotra* io sambo io. 3°—, Taratasy milaza takalom-bola ampitondraina any amy ny volitra hafa.

TRAITÉ, *sm.* 1° Fivoasana momba ny fahaizana anankiray. —de morale. *Fivoasana* momba ny fitsipi-pitondrantena. 2°—, Fanekem-pihavanana, fanekena.

TRAITEMENT, *sm.* 1° Fandraisana, ny atao. Il a reçu toutes sortes de bons traitements. *Noraisina* tsara dia tsara izy. Le—que vous lui ferez, on vous le fera. Hanody anao ny *hataonao* aminy. Il a reçu toutes sortes de mauvais traitements. Ratsy dia ratsy ny *nataony* taminy, novonoiny, nofetsapetsahany izy. 2°—, Fitsaboana. 3°—, Karama. On a augmenté son —. Nampitomboina ny *karamany.*

TRAITER, *va.* 1° Mandray, manao, mitondra, miraharaha. — honorablement. *Mandray* amim-boninahitra. Il a bien traité ses convives. *Nandray* tsara ny olona nasainy izy. Il nous traita durement. Mafy ny *nataony* taminay, ny *nitondrany* anay. Il s'entend à — les affaires. Mahay *mitondra* raharaha izy. —une réconciliation. *Manao, miraharaha* izay hifanarahan' olona. —quelqu'un de fou. *Manao* olona ho adala. —quelqu'un du haut en bas. *Manao* tsinontsinona, maneso olona. 2°—, Mitsabo. — un malade. *Mitsabo* marary. 3°—, Mandinika, mivaofy, mamelatra. J'ai traité déjà cette matière. Efa *nodinihiko, novoasako, novelariko* rahateo izany zavatra izany.

—, *vn.* 1° Mandray, manao, mitondra, miraharaha. Il traite de la paix. *Miraharaha* ny fanekem-pihavanana izy. 2°—, Mandinika, mivaofy, momba. Ce livre traite des métaux. *Momba* ny metaly io boky io.

Se traiter, *vpr.* Mitaiza tena, mitsabo tena. Il se traite bien. *Mitaiza tena* tsara izy. Ce médecin se traite lui-même. Ny *tenan'* izy dokotera hiany no *mitsabo* azy.

TRAÎTRE, ESSE, *adj.* et *s.* Mamadika, mivadika, mamitaka, manodóka. C'est un —. *Mpamadika, mpivadika* izy. Le chat est —. *Mpamadika* ny saka. Ce vin est —. *Mamitaka, manodóka* io divay io.

En traître, *loc. adv.* Comme Traîtreusement.

TRAÎTREUSEMENT, *adv.* Amim-pamadihana, amim-pivadihana, amim-pitaka.

TRAJET, *sm.* 1° Lálana. Le — est long. Lavitra ny *lálana.* 2°—, Fandehanana, fitána. On fait le — en peu de temps. Azo *aleha, itàna* vetivety foana.

TRAMAIL, *sm.* Karazan-karato.

TRAME, *sf.* 1° Fahan-tenona. 2° *fig.* Teti-dratsy. Il a ourdi cette — odieuse. Izy no fototr' izao *teti-dratsy* mahatsiravina izao.

TRAMER, *va.* 1° Mamahan-tenona, manenona. 2° *fig.* Mifofo, mifoko, mioko. — la porte de quelqu'un. *Mifofo,* etc., hahafaty olona. — une conspiration. *Mifoko, mioko* hanao teti-dratsy.

TRAMONTANE, *sf.* Perdre la —. Sanganehana, very hevitra.

TRANCHANT, ANTE, *adj.* 1° Maranitra. Epée tranchante. Sabatra *maranitra.* 2° *fig.* Mahatapaka. Argument —. Porofo *mahatapaka.* 3°—. Mihiratra tsara. Couleurs tranchantes. Volon-doko maro *mihiratra tsara.*

TRANCHANT, *sm.* Lelan-java-maranitra, mason' antsy. Aiguiser le — d'un couteau. Manasa *lelan'* antsy, maka *mason'* antsy. Une épée a deux tranchants. Sabatra miroa *lela,* marani-dany roa.

TRANCHE, *sf.* 1° Silaka, didy. Une — de pain. *Sila*-mofo. Une — de viande. *Didin*-kena. 2°—, Vava boky. Un livre doré sur —. Boky misy ankosotra volamena ny *vavany.*

TRANCHÉE, *sf.* 1° Fototra, tatatra. Faire une — pour bâtir une maison. Mihady *fototra* mba hanorenan-trano. Faire une—pour dessécher un marais. Manao *tatatra* mba hanamaina heniheny. 2°—, Hady famitsahana ataon' ny mpanao fahirano. Les assiégés firent une sortie, et comblèrent la—. Nivoaka ny natao fahirano, ka nanototra ny *hady* nataon' ny fahavalo. 3°—, Fanotikotika. Cette médcine lui a causé des tranchées. *Nampanotikotika* ny kibony izany fanafody izany.

TRANCHER, *va.* 1° Manapaka. — la tête à quelqu'un. *Manapaka* lohan' olona. 2° *fig.* Il a tranché la difficulté. *Nanapaka* ny ady hevitra izy. — le mot. Milaza mazava.

—, *vn.* 1° Maranitra. Ce couteau tranche comme un rasoir. *Maranitra* hoatra ny hareza izany antsy izany. 2° *fig.* Manapaka an-kasahiana, manao azy ho. Il tranche sur tout. *Sahy manapaka* ny zavatra rehetra izy. Il tranche du bel esprit. *Manao azy ho* akany izy. 3°—, Mihiratra. Ces couleurs tranchent. *Mihiratra* ireo loko ireo.

TRANCHET, *sm.* Antsy fanaovan-kiraro.

TRANCHOIR, *sm.* Akalana fitetehankena.

TRANQUILLE, *adj.* Tony, milamina, mibonaika, mandry, mandry fehizay, miadana, tsy manana ahiahy. La mer est —. *Tony* ny ranomasina. Le pouls est —. *Milamina* ny polsa. Enfant —. Zazalahy *mibonaika.* Tout est — dans l'Etat. *Mandry* ny fanjakana. Il mène une vie —. *Mandry fehizay, miadana* izy. Sa conscience est —. *Milamina, mandry fehizay* ny fieritreretany. Tenez-vous —. *Aza manana ahiahy* hianao.

TRANQUILLEMENT, *adv.* Mandry, mandry fehizay, amim-piadanana. Dormir —. Mitsilany *mandry, mandry fehizay.*

TRANQUILLISANT, ANTE, *adj.* Mampitony, mahafaka ahiahy.

TRANQUILLISER, *va.* Mampitony, mahafaka ahiahy. Ce que vous dites me tranquillise. Izany lazainao izany *mampitony* ny foko, *mahafaka ahiahy* ahy.

Se tranquilliser, *vpr.* Mitony, afaka ahiahy.

TRANQUILLITÉ, *sf.* Fitony, filamina, fibonaika, fandriana fehizay, fiadanana, tsy fananana ahiahy.

TRANSACTION, *sf.* 1° Fifanarahana. 2°—, Fanekena. Transactions commerciales. *Fanekena* momba ny varotra.

TRANSBORDEMENT, *sm.* Famindrana entana amy ny sambo hafa.

TRANSBORDER, *va.* Mamindra entana amy ny sambo hafa.

TRANSCENDANCE, *sf.* Fahambonia-na.

TRANSCENDANT, ANTE, *adj.* Ambony dia ambony. Il a une vertu transcendante. *Ambony dia ambony* ny hatsaram-panahiny.

TRANSCENDANTAL, ALE, *adj.* Mandinika zavatra lalina indrindra.

TRANSCRIPTION, *sf.* Fandikan-tsoratra, kopia.

TRANSCRIRE, *va.* Mandika soratra, mikopia, manakopia.

TRANSE, *sf.* Tahotra lehibe, fanahiana lehibe. Voy. ANGOISSE.

TRANSFÉRER, *va.* Mamindra, mamadika, mamoy ho an'olon-kafa. — des prisonniers. *Mamindra* gadralava. — un corps saint. *Mamindra, mamadika* fatin'olo-masina anankiray. — une rente. *Mamoy* zana-bola *ho an'olon-kafa.*

TRANSFERT, *sm.* Famindrana, famadihana. famoizana ho an' olon-kafa.

TRANSFIGURATION, *sf.* Ny niovany Jeso-Kristy tarehy.

TRANSFIGURER (SE), *vpr.* Miova tarehy.

TRANSFORMATION, *sf.* 1° Fiovana ho hafa, fanjariana ho hafa. 2°—, Fiovana, fanjariana. 3° *fig.* Fiovan-toetra.

TRANSFORMER, *va.* Manova ho hafa, mampanjary ho hafa. La femme de Lot fut transformée en une statue de sel. *Novana, nampanjarina ho* sariolona sira ny vadiny Lota.

Se transformer, *vpr.* 1° Miova ho hafa, manjary ho hafa. 2°—, Miova, manjary. La chenille se transforme en papillon. Ny oli-panjehy *miova, manjary* ho lolo. 3° *fig.* Miova toetra. Il se transforme de mille façons. Mahay *miovaova toetra* inarivo inarivo izy.

TRANSFUGE, *sm.* 1° Miaramila mpilefa miandany amy ny fahavalo. 2° *fig.* Mpivadika.

TRANSGRESSER, *va.* Mandika. —les commandements de Dieu. *Mandika* ny didin' Andriamanitra.

TRANSGRESSEUR, *sm.* Mpandika.

TRANSGRESSION, *sf.* Fandikana.

TRANSI, IE, *adj.* 1° Voly, ngoly, vahotra, jihitra, ankona. Je suis — de froid. *Voly*, etc., ny hatsiaka aho. 2° *fig.* Ana. Il est — de peur. *Anan'* ny tahotra izy.

TRANSIGER, *vn.* 1° Mifanaraka. Las de plaider, ils transigèrent. Nony efa sasatra niady izy ireo, dia *nifanaraka.* 2° *fig.* Tsy manao. — avec son devoir. *Tsy manao* izay tsy maintsy hataony.

TRANSIR, *va.* 1° Mahavoly, mahangoly, mahavahotra. 2° *fig.* Mahana.

—, *vn.* 1° Voly, ngoly, vahotra, jihitra, ankona. 2° *fig.* Ana.

TRANSIT, *sm.* Fahazoan' ny entambarotra lálana mba hamaky tanána na fanjakana ka tsy mandoa fadintseranana. Marchandises en —. Varotra *nahazo lálana hamaky tanána na fanjakana ka tsy mandoa fadintseranana.*

TRANSITIF, IVE, *adj.* Mamindra. Verbe —. Verba *mamindra.*

TRANSITION, *sf.* 1° Fifindrana ho amy ny hevitra hafa. fitohizana. La—a été bien amenée. Voalamina tsara ny *fifindrana ho amy ny hevitra hafa.* Il a passé à une nouvelle idée sans—. Nifindra tamy ny hevitra hafa izy, ka tsy nisy *fitohizana.* 2° *fig.* Fiovana, fivadihana. Il s'est fait une prompte — du chaud au froid. *Niova, nivadika* tampoka ho mangatsiaka ny andro.

TRANSITOIRE, *adj.* Mandalo, mihelina.

TRANSLATION, *sf.* Famindrana, famadihana. Voy. Transférer.

TRANSMETTRE, *va.* 1° Mamoy ho an' olon-kafa, mamindra. — des ordres. *Mamindra* didy. 2° *fig.* Mampandova. Il a transmis ses vertus à ses enfants. *Nampandovainy* ny zanany ny hatsaram-panahiny.

TRANSMIGRATION, *sf.* Fifindrana amy ny tany hafa, fifindrana amy ny vatana hafa. La—des âmes. Ny *fifindran'* ny ambiroa *amy ny vatana hafa.*

TRANSMISSIBLE, *adj.* Azo afoy, azo afindra.

TRANSMISSION, *sf.* Famoizana ho an' olon kafa, famindrana.

TRANSMUABLE, *adj.* Azo ovana.

TRANSMUER, *va.* Manova. —les métaux en or. *Manova* metaly ho volamemena.

TRANSMUTATION, *sf.* Fanovana.

TRANSPARENCE, *sf.* Fangarangarana, fangalahala, fangarahara.

TRANSPARENT, ENTE, *adj.* Mangarangarana, mangalahala, mangarahara, tantera-pahazavana. L'eau est transparente. *Mangarangarana, mangalahala, tantera-pahazavana* ny rano. Le verre est —. *Tantera-pahazavana* ny fitaratra. Voile—. Sarona *mangarahara.*

—, *sm.* Taratasy misy tsipika fakana hitsiny.

TRANSPERCER, *va.* Managorobaka, manintoraka.

Se transpercer, *vpr.* Managoroba-tena.

TRANSPIRATION, *sf.* Tsemboka, hatsembohana.

TRANSPIRER, *vn.* 1° Tsemboka. Ces enfants transpirent. *Tsemboka* ireo ankizy madinika ireo. 2° *fig.* Re siosio, re sompirana. Ce secret transpire *Re siosio*, etc., izany zavatra afenimpenina izany.

TRANSPLANTATION, *sf.* Famindrana zava-maniry, fanetsana.

TRANSPLANTER, *va.* 1° Mamindra zava-maniry, manetsa. — des arbres. *Mamindra* foto-kazo. Voy. Planter. 2° *fig.* Mamindra amy ny tany hafa.

Se transplanter, *vpr.* Mifindra amy ny tany hafa.

TRANSPORT, *sm.* 1° Famindrana, famoizana ho an' olon-kafa. 2° *fig.* Firehetana, fientanana, firavoravoana. 3°—, Rediredy. Cette maladie cause des transports. *MampiredIredy* izany aretina izany.

TRANSPORTABLE, *adj.* Azo afindra, azo afoy ho an' olon-kafa.

TRANSPORTATION, *sf.* Fanamelohana olona hafindra amy ny tany lavitra.

TRANSPORTÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Voafindra, nafindra, nafoy ho an' olon-kafa. 2° *fig.* Mirehitra, entanina, ravoravo. — d'amour. *Mirehitry* ny fitiavana. — de colère. *Mirehitry* ny hatezerana. — de joie. *Entanin*-kafaliana. Les spectateurs étaient transportés. *Ravoravo* ny mpizaha.

—, *sm.* Olo-meloka nafindra tamy ny tany lavitra.

TRANSPORTER, *va.* 1° Mamindra, mamoy ho an' olon-kafa. — des marchandises. *Mamindra* entam-barotra. — une créance. *Mamoy* trosa amin' olona *ho an' olon-kafa.* 2° *fig.* Mampirehitra, mampientana, maharavoravo.

Se transporter, *vpr.* Mifindra amy ny tany hafa.

TRANSPOSER, *va.* 1° Mampifamadika. — des mots. *Mampifamadika* teny. 2° Manova ky.

TRANSPOSITEUR, *adj. m.* Mahazo miova ky. Instrument —. Zava-maneno *mahazo miova ky.*

TRANSPOSITION, *sf.* 1° Fampifamadihana, fifamadihana. 2° —, Fanovana ky, fiovan-ky.

TRANSSUBSTANTIATION, *sf.* Fiovan' ny mofo sy ny divay ho vatana sy ho rany Jeso-Kristy.

TRANSVASEMENT, *sm.* 1° Famindrana divay, rano, etc., amy ny tavoahangy, baríka, etc., hafa. 2°—, Famindrana renitantely amy ny tohotra hafa.

TRANSVASER, *va.* Mamindra divay, rano, etc., ho amy ny tavoahangy, baríka, etc., hafa. Transvasez ce vin. *Afindrao tavoahangy, barika,* etc., io divay io.

TRANSVERSAL, ALE, *adj.* Mitsivalana, manapaka. Ligne transversale. Tsipika *mitsivalana*, etc.

TRANSVERSALEMENT, *adv.* Mitsivalana, manapaka.

TRAPÈZE, *sm.* Trapeza.

TRAPPE, *sf.* 1° Varavarana rako-bata. Ouvrez la —. Vohay ny *varavarana rako-bata.* 2°—, Longoa mitoto-bozaka famandriham-biby.

TRAPU, UE, *adj.* Fonetana.

TRAQUENARD, *sm.* Tonta vy.

TRAQUER, *va.* 1° Ifanakanana. Nous avons traqué le sanglier toute la matinée. *Nifanakananay* indray maraina manontolo ny lambo. 2° *fig.* Les voleurs sont traqués par les gendarmes. *Ifanakanan'* ny polisy ny tontakely.

TRAQUEUR, *sm.* Mpikatsaka biby ifanakanana.

TRAUMATIQUE, *adj.* Avy amy ny ratra. Hémorragie —. Fivoahan-dra *avy amy ny ratra.*

TRAVAIL, *sm.* Asa, lahasa, asan-tánana, taozavatra. — rude. *Asa, lahasa* mafy. Dieu bénira vos travaux. Andriamanitra hitahy ny *asanao,* ny *asan'ny tánanao.* Il aime le —. Tia *asa, lahasa* izy. —délicat. *Asa, asan-tánana, taozavatra* kanto. Distribuer le—aux ouvriers. Mizara *asa, lahasa* amy ny mpiasa. Travaux publics. *Asa, lahasa* ataon' ny fanjakana. ‖ *loc.* Il fut condamné à vingt ans de travaux forcés. Nohelohina ho gadralava roapolo taona izy.

TRAVAILLÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Voasa tsara, nasaina tsara, novárina tsara, vita tsara, voatefy, notefena, voakajy, nokajína. Ouvrage bien—. Asa *novarina tsara, vita tsara.* Style —. Laha-teny *voakajy, nokajína.* 2°—, Mijaly. Il est —de la goutte. *Mijaly* azon' ny gaotra izy.

TRAVAILLER, *vn.* 1° Miasa, manefy, manao, mamorona, etc. Il travaille jour et nuit. *Miasa* andro aman' alina izy. — en or. *Manefy* volamena. —en broderie. *Manao* amboridao. —à un ouvrage d'esprit. *Mamorom*-boky. 2°—, Mikely aina, manao izay.... Il travaille à les réconcilier. *Mikely aina,* etc., hampifanaraka azy ireo izy. 3° *fig.* Mivonto, miketrika, mivaona, miteraka. La pâte travaille. *Mivonto* ny koban-dafarina. Le vin travaille. *Miketrika* ny divay. Ce bois travaille. *Mivaona* io hazo io. Son argent travaille sans cesse. Tsy mijanona *miteraka* ny volany.

—, 1° Miasa tsara, mahavatra tsara, mahavita tsara, manefy, mikajy. —sa terre. *Miasa tsara, mahavatra tsara* ny taniny. Il travaille bien le fer. Mahay

manefy vy tsara izy. 2° *fig.* Mampijaly. La fièvre le travaille. *Mampijaly* azy ny tazo. 3°—, Mamo' y, manome fo. —le peuple. *Mamoky*, etc., ny vahoaka.

TRAVAILLEUR, EUSE, *s.* Olona tia asa, mpiasa.

TRAVÉE, *sf.* Sakaban-tsakamandimby roa, sakabany. Les travées d'un pont de bois. Ny *sakaban'* ny tetezan-kazo.

TRAVERS, *sm.* 1° Fitsivalanana, sakana, indrabe, hatevina, ila. Le vaisse u présentait le — à l'ennemi. Ny *ila* sambo nanatril a ny fahavalo. || *loc.* — de doigt. Voantondro. 2°—, Hatailana, fisomaradimbana. Les — d'un jardin. Ny *hatailana*, etc., ny zariday. 3° *fig.* Haitraitra, hafahafa Un jeune homme plein de —. Tovolahy be *haitraitra, hafahafa.*

En travers, *loc. adv.* Mitsivalana. Mettez une barre de fer en —. Asio anjaby *mitsivalana.*

De travers, *loc. adv.* Mitsivalana, tailana, mivilana, mivilavila, mibirioka, mivadika, miolana, mivaona. Ne mettez pas cela de—. Aza atao *mitsivalana, tailana, mivilavila, mivilana* izany. Il va tout de —. *Tailam*-pandeha izy. Il écrit tor t de—. *Mivilavila, mibirioka* ny sorany. Il a les pieds de —. *Mivadika* ny tongony. Il a les jambes de —. *Miolana* ny ranjony. Il entend tout de —. *Tailana* andrenesana izy. Il a l'esprit de —. *Mivaona* ny sainy. || *loc.* Regarder de —. Mangarika. Avaler de —. Kofona. Etre avalé de —. Misondrovaka.

À travers, au travers, *loc. prép.* Afovoany, anelanelana, mamaky, manavatsava, maninteraka, managorabaka. Passer au — des ennemis Mamaky ao *aforoan'* ny fahavalo. Passer sa main à — des planches. Manatsofoka ny tánany ao *anelanelan'* ny hazo fisaka. Aller à — champs. Mandeha *manavatsava* any antsaha. On voit le soleil à — les nuages. Hita *maninteraka* ny rahona ny masoandro. Un coup d'épée au — du corps. Sabatra *maninteraka, managorobaka* ny vatana.

À tort et à travers, *loc. adv.* Kitoatoa. Parler à tort et à —. Miteny *kitoatoa.*

TRAVERSE, *sf.* 1° Bara, tsivalana, latsy. Les traverses d'une porte. Ny *bara, tsivalana, latsim*-baravarana. 2°—, Sakeli-dálana. 3° *fig.* Sampona, fahoriana. Il a essuyé bien des traverses. Efa nahita *sampona*, etc., maro izy.

À la traverse, *loc. adv.* Misakana, manampontsampona.

TRAVERSÉE, *sf.* Fitána ranomasina. J'ai fait une heureuse—. *Nita ranomasina* soa aman-tsara aho.

TRAVERSER, *va.* 1° Mamaky, mita, mitsáka, maninteraka, managorobaka. — une province. *Mamaky* fari-tany. — une rivière. *Mita, mitsáka* renirano. La route traverse mon champ. *Mamaky* ny tanimboliko ny lálam-be. La balle a traversé l'épaule. Ny bala *naninteraka, nanagorobaka* ny soroka. 2° *fig.* Misakana, manampontsampona. —une entreprise. *Misakana*, etc., raharaha anankiray.

TRAVERSIN, *sm.* Ondana.

TRAVESTIR, *va.* 1° Mampanao fitafiana hafahafa. On le travestit en femme. *Nampanaovina fitafiana* hoatra ny vehivavy izy 2° *fig.* Manova ho hafahafa, manova. —un poëme. *Manova* tononk'ra *ho hafahafa.* —la pensée de quelqu'un. *Manova* ny hevitr' olona.

Se travestir, *vpr.* 1° Manao fitafiana hafahafa. 2° *fig.* Miova toetra.

TRAVESTISSEMENT, *sm.* Fanaovana fitafiana hafahafa.

TRÉBUCHER, *vn.* Tafintohina. Une pierre le fit—. Nisy vato anankiray *nanafintohina* azy.

TRÉBUCHET, *sm.* Karazam-pandrika famandriham-borona.

TRÈFLE, *sm.* 1° Karazam-bilona afafy. 2°—, Lalitra (anaran-karatra).

TREILLAGE, *sm.* Makarakara hazo.

TREILLE, *sf.* 1° Talantalana isampazan' ny voaloboka. 2°—, Voaloboka misampy amin-javatra 3° *fig.* Le jus de la—. Ny divay.

TREILLIS, *sm.* Makarakara hazo, makarakara vy, harato vy.

TREILLISSER, *va.* Manisy makarakara hazo, — makarakara vy, — harato vy.

TREIZE, *adj. num.* 1° Telo amby ny folo. — piastres. Farantsa *telo amby ny folo.* 2°—, Fahatelo amby ny folo. Chapitre—. Toko *fahatelo amby ny folo.*

—, *sm.* Telo amby ny folo Le — octobre. Ny *telo amby ny folo* oktobra.

TREIZIÈME, *adj. num. ord.* Faha'telo amby ny folo.

—, *sm.* Ny ampahatelo amby ny folony.

TREIZIÈMEMENT, *adv.* Fahatelo amby ny folo.

TRÉMA, *sm.* Tendrin-tsoratra roa mikambana, tremá.

—, *adj.* Misy tremá.

TREMBLANT. ANTE, *adj.* 1° Mangovitra, mivihivihy, mipararetra, mihenavelona, mihovotrovotra, mihorohoro. Il est tout — de froid. *Mangovitra, mivihivihy, mipararetry* ny hatsiaka izy. Il est tout—de peur. *Mangovitra, mipararetra, mihenavelona* azon' ny tahotra izy Il écrit d'une main tremblante. *Mangovi*-tánana izy raha manoratra. 2° *fig.* Mihorohoro, mangovitra, mipararetra, mihoron-koditra.

TREMBLEMENT, *sm* 1° Fangovitana, fivihivihy, fipararetra, fihovotrovotra, hovotra, horohoro, heverina. — de terre. *Horohoron*-tany. 2° *fig.* Horohoro, fangovitana, fipararetra, fihoron-koditra.

TREMBLER, *vn.* 1° Mangovitra, mivihivihy, mipararetra, mihenavelona, mihovotrovotra, mihorohoro, heverina. La fièvre le fait—. *Mampangovitra, mampipararetra* azy ny tazo. Le pont tremble. *Mipararetra, mihovotrovotra* ny tetezana. La tête lui tremble continuellement. *Mangovitra, mipararetra, mihovotrovotra* lalandava ny lohany, *heverina* izy. 2° *fig.* Mihorohoro, mangovitra, mipararetra, mihoron-koditra. Tout tremble devant lui. *Mihorohoro,* etc., aminy avokoa ny olona rehetra.

TREMBLEUR, EUSE, *s.* Mpangovitra, olona saro-tahotra.

TREMBLOTANT, ANTE, *adj.* Mangovigovitra, mivihivihy, mipararetra, mihenavelona.

TREMBLOTER, *vn.* Mangovigovitra, mivihivihy, mipararetra, mihenavelona.

TRÉMIE, *sf.* Tavy fandrotsaham-barim-bazaha amy ny milina fitotoana.

TRÉMOLO, *sm.* Fangovitam-peo.

TRÉMOUSSEMENT, *sm.* Fipararetra, fitsikofokofoka.

TRÉMOUSSER, *vn.* Mipararetra. Ces oiseaux trémoussent de l'aile. *Mipararetra* ny elatr' ireo vorona ireo.

Se trémousser, *vpr.* Mitsikofokofoka. Un chien qui se trémousse. Alika *mitsikofokofoka.*

TREMPE, *sf.* 1° Fanofanana, ofana. Il entend bien la —. Mahay *manofana* izy. Cette épée est d'une bonne —. Tsara *ofana* ity sabatra ity. 2° *fig.* Toetra, toepanahy. C'est un corps d'une bonne —. Tsara *toetra* ny vatany. Je connais un homme de sa—. Mahita olona mitovy *toe-panahy* aminy aho.

TREMPÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Voalona, nalona, voatsoboka, natsoboka, voaroboka, naroboka, voaofana, naofana, voalena, nolemana, voadobo-drano, nodobohan-drano. Vin —. Divay *voadobo-drano, nodobohan-drano.* 2°—, Vonto, boboka, kotsa, ditsaka, mitsoitsoy. Il est tout —. *Kotsa, ditsaka, mitsoitsoy* izy.

TREMPER, *va.* 1° Mandona, manatsoboka, mandroboka, manofana, mandena, mandobo-drano. —du pain dans du vin. *Mandona, manatsoboka, mandroboka* mofo amy ny divay. —du linge dans l'eau. *Mandona* lamba anaty rano. — du fer. *Manofana* vy. —le papier. *Mandena* taratasy. —son vin. *Mandobo-drano* ny divainy. 2°—, Mamonto, manaboboka, manakotsa, mahaditsaka. La pluie a trempé la terre. *Vonto, bobo*dranonorana ny tany. 3° *fig* —ses mains dans le sang. Mamono, mampamono olona.

—, *vn.* 1° Milona. Le linge trempe. *Milona* ny lamba. 2° *fig.* Miray tetika. Il a trempé dans ce crime. *Niray tetika* tamin' izany heloka izany izy.

TREMPLIN, *sm.* Hazo fisaka misolampilampy iezahan' ny mpivikina.

TRENTAINE, *sf.* 1° Telopolo, tokony ho telopolo. 2°—, Fahatelopolo taona. Il a atteint la—. Nahatratra ny *fahatelopolo taonany* izy.

TRENTE, *adj. num.* 1° Telopolo. 2°—, Fahatelopolo.

—, *sm.* Telopolo.

TRENTIÈME, *adj. num. ord.* Fahatelopolo.

—, *sm.* Ny ampahatelopolony.

TRÉPAN, *sm.* Fandoahan-taolana fa indrindra ny karan-doha.

TRÉPANER, *va.* Mandoaka karan-doha.

TRÉPAS, *sm.* Fahafatesana.

TRÉPASSÉ, ÉE, *adj.* et *s.* Maty.

TRÉPASSER, *vn.* Maty, miala aina, mody mandry, miaml o io. Voy. MOURIR.

TRÉPIDATION, *sf.* Fipararetra, fiho-

votrovotra. La — des bateaux à vapeur. Ny *fipararetra*, etc., ny sambo sitimo.
TRÉPIED, *sm.* Toko vy, mandiatelo, tongo-dovia.
TRÉPIGNEMENT, *sm.* Fitototany, fitotorebika, fitrifana.
TRÉPIGNER, *vn.* Mitototany, mitotorebika, mitrifana. Le cheval trépigne. *Mitototany, mitotorebika* ny soavaly. Il trépigne de colère. *Mitrifana* noho ny hatezerana izy.
TRÈS, *adv.* Dia. — bon. Tsara *dia* tsara.
TRÉSOR, *sm.* 1° Rakitra, fitoeran-drakitra, fitahirizan-drakitra. 2° —, Vola, trano fitahirizam-bolam-panjakana, harena be. Le — public. Ny *volam*-panjakana. Il a amassé des trésors. Namory *harena be* izy. 3° *fig* Rakitra, harena. Cette femme est un —. Tena *rakitra* soa io vehivavy io. Le — des miséricordes divines. Ny *rakitra* ny famindram-pon' Andriamanitra. Là où est votre —, là est votre cœur. Izay itoeran' ny *harenao* no itoeran' ny fonao.
TRÉSORERIE, *sf.* Trano fitahirizam-bolam-panjakana.
TRÉSORIER, IÈRE, *s.* Mpitam-bola, mpitahiry vola.
TRESSAILLEMENT, *sm.* Fientanana, fiontanana.
TRESSAILLIR, *vn.* Mientana, miontana. Il tressaille de joie. *Mientan*-kafaliana ny fony. Il tressaillit de peur. *Niontana* iray hiany ny fony noho ny tahotra.
TRESSE, *sf.* Randrana, rary.
TRESSER, *va.* Mandrandrana, mandrary. — des cheveux. *Mandrandram*-bolo. — des joncs. *Mandrary* hazondrano.
TRESSEUR, EUSE, *s.* Mpandrandrana. mpandrary.
TRÉTEAU, *sm.* 1° Lampihazo fitaingenan-javatra. 2° —, *pl.* Lampihazo fanaovana teatra mampihomehy. Monter sur les tréteaux. Miakatra amy ny *lampihazo fanaovana teatra mampihomehy*; *fig.* manao teatra mampihomehy.
TREUIL, *sm.* Foza, milina fampakarana entana.
TRÊVE, *sf.* 1° Fijanonan' ny ady amy ny andro vitsivitsy ifanekena. 2° *fig.* Fijanonana, fialan-tsasatra. Faites — à vos plaintes. Asio *fijanonana* ny fitarainanao. Donnez quelque — à votre esprit. Aoka *hiala sasatra* kely ny sainao.
TRIAGE, *sm.* Fitsaikána, fifantenana.
TRIANGLE, *sm.* Zavatra telo zoro.
TRIANGULAIRE, *adj.* Misy zoro telo.
TRIBORD, *sm.* Ankavanan-tsambo.
TRIBU, *sf.* 1° Foko. La — de Juda. Ny *fokony* Joda. 2° —, Firenena. — nomade. *Firenena* mifindrafindra.
TRIBULATION, *sf.* Fahoriana. Il a passé par bien des tribulations. Nozoim-*pahoriana* maro izy.
TRIBUN, *sm.* 1° Lohibe tamy ny Romana niaro ny vahoaka. 2° *fig.* Mpandaha-teny miandany amy ny vahoaka.
TRIBUNAL, *sm.* 1° Fipetrahan' ny mpitsara. 2° —, Fitsarana, mpitsara. Cette affaire sera portée devant les tribunaux. Hoentina amy ny *fitsarana* izany raharaha izany. — militaire. *Mpitsara* ny miaramila. ‖ *loc.* Le — de la pénitence. Ny trano fampikonfesena.
TRIBUNE, *sf.* 1° Pulpitra fandaharanteny amy ny parlementa. 2° —, Rihantapaka.
TRIBUT, *sm.* 1° Hetra. Payer le —. Mandoa *hetra*. 2° *fig.* Zavatra tsy maintsy hatao. Le respect est un — qu'on doit à la vertu. *Tsy maintsy* hohajaina ny hatsaram-panahy. ‖ *loc.* Payer le — à la nature. Maty.
TRIBUTAIRE, *adj.* Mandoa hetra. Nation —. Firenena *mandoa hetra*.
—, *sm.* 1° Mpandoa hetra. 2° *fig.* Nous sommes tous tributaires de la mort. Hetra tsy maintsy haloantsika ny fahafatesana.
TRICHER, *va.* Manambaka. Il me triche. *Manambaka* ahy izy.
—, *vn.* Manambaka.
TRICHERIE, *sf.* Fanambakana. Il a gagné par —. Nahafaty izy satria *nanambaka*.
TRICHEUR, EUSE, *s.* Mpanambaka.
TRICOLORE, *adj.* Telo volo. Drapeau —. Saina *telo volo*.
TRICORNE, *sm.* Satroka misy sofina miforitra ho telo zoro.
TRICOT, *sm.* Akanjo ba.
TRICOTAGE, *sm.* Fanaovam-ba, ba.
TRICOTER, *va.* 1° Manao ba. Aiguilles à —. Vy *fanaovam-ba*. 2° —, Manao dantely. — de la dentelle. *Manao* dantely.
TRICOTEUR, EUSE, *s.* Mpanao ba.
TRICTRAC, *sm.* Karazam-pilokana.
TRIDENT, *sm.* Fitrebika telo nify.

TRIENNAL, ALE, *adj.* Maharitra telo taona, isan-telo taona. Parlement—. Parlementa *maharitra telo taona.*

TRIER, *va.* Mitsaika, mifantina. —du café. *Mitsaika* kafé. — des raisins. *Mifantina* voaloboka.

TRIEUR, EUSE, *s.* Mpitsaika, mpifantina.

TRIGONOMÉTRIE, *sf.* Fahaizana momba ny zavatra telo zoro.

TRILATÉRAL, ALE, *adj.* Telo lafy.

TRILLION, *sm.* Tapitrisa tapitrisa.

TRIMBALER, *va.* Mitondra miriorio, miraingitra. —un enfant. *Mitondra* zaza kely *miriorio, miraingitra* zaza kely.

TRIMER, *vn.* Tsy mitombin-tsirana. J'ai trimé toute la journée. *Tsy nitombin-tsirana* aho nandritra ny tontolo andro.

TRIMESTRE, *sm.* 1° Telo volana. Il a fini son—. Nahatapitra ny *telo volana* izy. 2°—, Vola aloa amy ny isan-telo volana. Il a reçu son—. Efa noraisiny ny *volany amy ny isan-telo volana.*

TRIMESTRIEL, ELLE, *adj.* Maharitra telo volana, isan-telo volana.

TRINGLE, *sf.* Tsora-by, anja-by lavalava, vakin-kazo atao filiro, vakin-kazo atao varivary, etc.

TRINGLER, *va.* Manamarika hazo hovakina amy ny tady mihoso-doko.

TRINITÉ, *sf.* Trinite-Masina.

TRIO, *sm.* 1° Hira misy feo telo miantoana. 2° *fig.* Olona telo iray kononkonona.

TRIOMPHAL, ALE, *adj.* Momba ny mpandresy, any ny mpandresy. Char—. Kalesy mpitondra ny *mpandresy.*

TRIOMPHALEMENT, *adv.* Amy ny voninahitry ny mpandresy.

TRIOMPHANT, ANTE, *adj.* 1° Nandresy, mpandresy. Le parti —. Ny andaniny *nandresy.* L'Église triomphante. Ny Eglizy *mpandresy.* 2° *fig.* Ravoravo. Il a un air—. *Ravoravo* endrika izy.

TRIOMPHATEUR, *sm.* Mpandresy.

TRIOMPHE, *sm.* 1° Voninahitra nandraisan' ny Romana ny mpandresy, fandresena. Chaque bataille fut un—. *Nandresy* tamy ny ady rehetra nataony izy. 2° *fig.* Fandresena. Applaudir au—d'un ami. Midera ny *fandresena* azon' ny sakaiza anankiray.

TRIOMPHER, *vn.* 1° Mahazo ny voninahitry ny mpandresy, mandresy. Il triompha de ses ennemis. *Nandresy* ny fahavalony izy. 2° *fig.* Mandresy, mahay dia mahay. Il a triomphé de ses adversaires. *Nandresy* ny mpanohitra azy izy. A la longue, la vérité triomphe de l'erreur. Ny marina *mandresy* tsikelikely ny hevi-diso. Il triomphe en peinture. *Mahay dia mahay* amy ny hosodoko izy. 3°—, Miravoravo, mirehareha. Il triomphe du gain de son procès *Mirehareha* noho ny fandresena azony tamy ny ady izy.

TRIPAILLE, *sf.* Tsinain-javatra fanary.

TRIPE, *sf.* Tsinaim-biby.

TRIPERIE, *sf.* Fitoerana fivarotana tsinaim-biby.

TRIPIER, IÈRE, *s.* Mpivarotra tsinaim-biby.

TRIPLE, *sm.* Intelo, intelo heny. Voy. QUADRUPLE.

—, *adj.* Intelo, avo roa toko, telo sosona, telo loha. Soulier à—semelle. Kiraro misy faladia *telo sosona.* Bâtiment à—étage. Trano misy rihana *intelo* miantoana.

TRIPLEMENT, *adv.* Avo roa toko, telo loha. Il est—coupable. Nanao heloka *avo roa toko* izy. Il a—raison. Misy antony *telo loha* manamarina ny azy.

TRIPLER, *va.* Mampitombo intelo, manao avo roa toko. Triplez ce nombre. *Ampitomboy intelo* io isa io. Triplez la récompense. *Ataovy avo roa toko* ny valisoa.

—, *vn.* Mitombo intelo, tonga avo roa toko. Ses biens ont triplé. *Tonga avo roa toko* ny hareny.

TRIPOT, *sm.* Trano filokana, —fivorian' olon-tsy vanona.

TRIPOTAGE, *sm.* 1° Fifangaroana. 2° *fig.* Fifangaroan-javatra. Cette affaire n'est qu'un—. *Fifangaroan-javatra* fotsiny izany raharaha izany. 3°—, Vavan' olona. Il est victime d'un—. Voa noho ny *vavan' olona* izy.

TRIPOTER, *vn.* 1° Mampifangaro. Ces enfants ont tripoté tout le jour avec de la terre et de l'eau. *Nampifangaro* tany sy rano nandritra ny andro ireo ankizy ireo. 2° *fig.* Mampifangaro zavatra. 3°—, Mahay vava.

—, *va.* Mampifangaro, mampisafotofoto. —une affaire. *Mampifangaro, etc.,* raharaha anankiray.

TRIPOTIER, IÈRE, *s.* 1° Mpampifangaro. 2° *fig.* Mpampifangaro zavatra. 3°—, Mahay vava, vavána, ketsoketso.

TRIQUE, *sf.* Langilangy, kibay.

TRIRÈME, *sf.* Sambon' ny ntaolo nisy fivoy intelo miantoana.

TRISAÏEUL, *sm.* Raiben' ny raibe na ny renibe.

Trisaïeule, *sf.* Renibon' ny raibe na ny renibe.

TRISSYLLABE, *adj.* et *sm.* Misy vakiteny telo.

TRISTE, *adj.* 1° Malahelo, ory, manjoretra, manjonitra. Il est — de la mort de son ami. *Malahelo, ory* noho ny nahafatesan' ny sakaizany izy. Il a l'air —. *Malahelo* endrika, *manjoretra, manjonitra* izy. Un chant —. Hira *malahelohelo.* 2°—, Mampalahelo, fadiranovana, saikatsaikatra, mahatsiravina. Une — nouvelle. Zava-baovao *mampalahelo.* Il mène une — vie. *Fadiranovana* izy. Il y faisait une — figure. *Saikatsaikatra* izy tao. Il a fait une — fin. *Mahatsiravina* ny niafarany. 3° —, Mitana ny aina, maizimaizina, manjombona. — nourriture. Hanina *mitana ny aina.* Chambre —. Efi-trano *maizimaizina.* Le temps est —. *Manjombona* ny andro. 4° —, Tsy mahomby, tsinontsinona. — écrivain. Mpandahateny an-tsoratra *tsy mahomby.* — consolation. Fanalana alahelo *tsinontsinona.*

TRISTEMENT, *adv.* Amin' alahelo.

TRISTESSE, *sf.* Alahelo, fahoriana, fanjoretra, fanjonitra.

TRITURABLE, *adj.* Azo torotoroina, — mongoina, — montsanina.

TRITURATION, *sf.* Fanorotoroana, fanamongomongoana, fanamontsamontsanana.

TRITURER, *va.* Manorotoro, manamongomongo, manamontsamontsana.

TRIUMVIR, *sm.* Mpanapaka romana niara-nitondra fanjakana tamy ny namany roa lahy.

TRIUMVIRAT, *sm.* Fanapahan' ny *triumvir.*

TRIVIAL, ALE, *adj.* Tsy manjary, tsy mendrika. Il ne dit que des choses triviales. Tsy milaza afa-tsy zavatra *tsy manjary,* etc., izy.

TRIVIALEMENT, *adv.* Tsy amimpahamendrehana.

TRIVIALITÉ, *sf.* 1° Tsy fahamendrehana. 2°—, *pl.* Zavatra tsy manjary, — tsy mendrika.

TROC, *sm:* Fanakalozana, takalo, fifanakalozana. — pour —. *Fifanakalozana* fotsiny.

TROCART ou **TROIS-QUARTS,** *sm.* Vy maranitra fanesoran-drano ao anaty vatana.

TROGNON, *sm.* Votoatim-boankazo sisa nihinanana. —de pomme. *Votoatimpaoma sisa nihinanana.* —de chou. *Tahon*-daisoa *sisa nihinanana.*

TROIS, *adj. num.* 1° Telo, anankitelo. —hommes. Olona *telo,* etc. — à —. *Tsitelotelo.* —fois. *Intelo.* Durant — jours. Mandritra ny *hateloana.* Partagez cette pomme en—. Zarao *telo, teloy* io paoma io. Elle est partagée en —. Mizara *telo, voatelo, noteloina, mitelo* izy. || *loc.* Les — quarts du temps. Saika mandrakariva. Règle de—. Arakeviny, raikitelo. Règle de — composée. Arakeviny maro loha. 2°—, Fahatelo. Page—. Takelaka *fahatelo.*

—, *sm.* Telo. Ecrivez un—. Manorata *telo.* Le —décembre. Ny *telo* desembra.

TROISIÈME, *adj. num. ord.* Fahatelo. Le—jour. Ny andro *fahatelo.* Faire une chose pour la — fois. *Manintelo.* Pour la — fois. *Fanintelony.*

—, *sm.* Rihana fahatelo. Il demeure au—. Mitoetra any amy ny *rihana fahatelo* izy.

TROISIÈMEMENT, *adv.* Fahatelo.

TROIS-MÂTS, *sm.* Sambo telo salazana.

TROIS-SIX, *sm.* Alokola.

TROMBE, *sf.* Rambondanitra.

TROMBONE, *sm.* Trombona.

TROMPE, *sf.* 1° Antsiva, anjombona, trompetra. Publier à son de —. Mampaneno *trompetra* hilaza zavatra ; *fig.* mampiely zavatra. 2°—, Oron' ny elefanta, vava fitsontsefana.

TROMPE-L'ŒIL, *sm.* Sary manodóka ny maso.

TROMPER, *va.* 1° Mamitaka, manambaka, manoloky, mamétsy. Ce marchand m'a trompé. *Namitaka,* etc., ahy io mpivarotra io. || *loc.* Il a trompé ses gardes. Afa-nandositra izy na dia nambenana tsara aza. 2° *fig.* Manodóka, mahadiso hevitra, mahadiso. Mes yeux ne m'ont pas trompé. Tsy *nanodóka, nahadiso hevitra* ahy ny masoko. Il a trompé mes espérances. *Nahadiso* fanantenana ahy izy.

Se tromper, *vpr.* Diso hevitra, diso. Vous vous trompez, cela n'est pas ainsi. *Diso hevitra* hianao, fa tsy tahaka izany akory. Il s'est trompé de chemin. *Diso* lálana izy.

TROMPERIE, *sf.* Fitaka, fanambakana, soloky, fametsena.

TROMPETER, *va.* 1° Miantso amy ny trompetra. 2° *fig.* Manao antso avo, mampiely.

—, *vn.* Mitsoka trompetra.

TROMPETTE, *sf.* 1° Trompetra. 2° *fig.* Mpampiely.

—, *sm.* Mpitsoka trompetra.

TROMPEUR, EUSE, *adj.* et *s.* 1° Mpamitaka, mpanambaka, mpanoloky, mpametsy. 2°—, Manodóka, manome vohony, mamahan-dalitra. Mine trompeuse. Tarehy *manodóka.* Paroles trompeuses. Teny *manome vohony, mamahanda'itra.*

TRONC, *sm.* 1° Vatan-kazo, vatana. Le — est pourri. Lo ny *vatan-kazo.* — d'arbre. *Vatan*-kazo. —de colonne. *Vatan'* andry. 2°—, Tenabe. 3°—, Vata fandatsahan-drakitra. 4° *fig.* Fototra. Voy. Souche.

TRONCHET, *sm.* Akalana telo tongotra.

TRONÇON, *sm.* Tapaka. — d'épée. *Tapa*-tsabatra. Des tronçons de serpents. *Tapatapa*-bibilava.

TRONÇONNER, *va.* Manapatapaka. — une anguille. *Manapatapaka* amalona.

TRÔNE, *sm.* 1° Fiketrahana, seza fiandrianana. Le roi se plaça sur son—. Ny mpanjaka nipetraka tao amy ny *fiketrahany,* etc. 2° *fig.* Fanjakana, mpanjaka. Il prit possession du—. Nahazo ny *fanjakana,* tonga *mpanjaka* izy. Il est l'appui du —. Izy no andrin'ny *mpanjaka.* — héréditaire. *Fanjakana* lována. Il aspire au—. Mikendry *hanjaka* izy

TRÔNER, *vn.* 1° Manjaka. 2° *fig.* Milohaloha. Il veut — partout. Te-*hilohaloha* hatraiza hatraiza izy.

TRONQUÉ, ÉE, *adj.* 1° Nahatapahana. Statue tronquée. Sariolona *nahatapahana.* 2° *fig.* Nahafahana, nanesorana. Livre—. Boky *nahafahana,* etc.

TRONQUER, *va.* 1° Manapaka. 2° *fig.* Manesotra.

TROP, *adv.* Lóatra, be lóatra. Il travaille—. Miasa *loatra* izy. Ce n'est pas—. Tsy *be loatra* izany.

—, *sm.* Zavatra be loatra. Le — de bonté est un défaut. Kilema ny halemem-panahy *be loatra.*

TROPE, *sm.* Ohatra.

TROPHÉE, *sm.* 1° Babo. Peindre des trophées d'armes. Manao ny sarin' ny fiadiana *nobaboina.* 2° *fig.* Fandresena. Il est fier de ses trophées. Mirehareha noho ny *fandresena* azony izy.

TROPIQUE, *sm.* Tropika.

TROP-PLEIN, *sm.* Ny mihoatra. Le — du tonneau s'est répandu de tous côtés. Nihahaka hatraiza hatraiza ny *nihoatra* tamy ny barîka.

TROQUER, *va.* Manakalo. Il a troqué son cheval contre un tableau. *Natakalony* sary ny soavaliny.

TROQUEUR, EUSE, *s.* Mpanakalo.

TROT, *sm.* Fitsaikona.

TROTTE, *sf.* Ezaka. Il y a une bonne — d'ici là. Lavitra *ezaka* hatreto sy hatrany. Voy. Traite.

TROTTE-MENU, *adj.* Mikotsotsotsetso fandeha.

TROTTER, *vn.* 1° Mitsaikona. 2° —, Manezaka. Il a trotté tout le jour. *Nanezaka* nandritra ny andro izy. 3° *fig.* Cette idée lui trotte par la tête. Tsy mety afaka ao an-tsainy izany hevitra izany.

TROTTEUR, *sm.* Soavaly mpitsaikona.

TROTTINER, *vn.* Mitsaikontsaikona, mikotsetsotsetso fandeha.

TROTTOIR, *sm.* Sisin' ny arabe falehan' ny mpandeha tongotra.

TROU, *sm.* 1° Lavaka, loaka, hirika, tangirika. Regarder par le — de la serrure. Manarangarana amy ny *lava*-panalahidy, amy ny *loaka, hiriky* ny hidin-trano. Faire un — en terre. *Mandavaka, mandoaka* tany. Faire un — à la muraille. Manisy *loaka, hirika* amy ny rindrina. Faire un — au bas d'une muraille. Manisy *tangirika* amy ny vody rindrina. — de lapin. *Lavabitro.* 2°—, Vohitra kely, trano bongo hoatra ny bongom-boalavo. 3° *fig.* Faire un —pour en boucher un autre. Manao findra haby. Boire comme un —. Miboboka.

TROUBADOUR, *sm.* Mpanao hira tsangana taloha tany Frantsa.

TROUBLE, *adj.* 1° Mitsikebona, maloto, taitra. Vin —. Divay *mitsikebona.* Eau —. Rano *mitsikebona,* etc. 2° —,

Pahimpahina, manjavona. Il a la vue—. *Pahimpahina* izy, *manjavona* ny masony. 3° *fig.* Pêcher en eau—. Manararaotra fikorontanana mba hahazoanjavatra.

—, *adv.* Pahimpahina, manjavona.

TROUBLE, *sm.* 1° Fikorontanana, fitabatabana, tabataba. Exciter des troubles dans un Etat. *Mampikorontana, mampitabataba* fanjakana. Le —se met dans cette famille. Mila *hikorontana* izy mianakavy ireo. 2°—, Fahaverezankevitra, tebiteby, ahiahy. Il était dans un — inexprimable. *Very hevitra, nitebiteby* izaitsizy izy. Son cœur est exempt de —. Afaka *ahiahy* ny fony.

TROUBLE-FÊTE, *sm.* Mpandrava tantana.

TROUBLER, *va.* 1° Mandoto, manatsikebona. Les pluies ont troublé l'eau Ny ranonorana *nandoto* ny rano. Ne troublez pas l'eau. Aza *tsikebonina*, tabaina ny rano. 2° *fig.* Mampikorontana, mampitabataba, mandrava, manapaka, manelingelina, manahirana. —un royaume. *Mampikorontana, mampitabataba* fanjakana. — l'ordre. *Mandrava* tantana. Ne troublez pas la conversation. Aza *manapaka, manelingelin*-dresaka, aza tabatabaina ny resaka. J'écrivais, il est venu me—. Nanoratra aho no tonga *nanelingelina, nanahirana* ahy izy. 3°—, Mahavery hevitra, mampitebiteby, mahabe ahiahy, maha-tsy tafandry mandry, mahaváka. La peur lui trouble la raison. *Mahavery hevitra, maha-tsy tafandry mandry* azy ny tahotra.

Se troubler, *vpr.* 1° Mitsikebona, mihamaloto. 2°—, Manjavona. Mes yeux se troublent. *Manjavona* ny masoko. 3° *fig.* Very hevitra, mitebiteby, be ahiahy, tsy tafandry mandry, vaka. L'accusé se troubla. *Very hevitra, vaka* terý ny voampanga.

TROUÉE, *sf.* 1° Lálana mazavazava. Il est facile de faire une—dans ce bois. Mora ny manisy *lálana mazavazava* ao amin' io ala io. 2°—, Fisavan'ny fahavalo. La cavalerie fit une—. Ny miaramila an-tsoavaly *nampisava ny fahavalo.*

TROUER, *va.* Mandavaka, mandoaka, mangirika, manatangirika.

Se trouer, *vpr.* Loaka.

TROUPE, *sf.* 1° Andiany, toko, antoko, dia, tarika. Une— de voleurs. *Andiantontakely*, tontakely iray *toko, dia, tarika*. Les pintades vont en—. Manao *andiany*, miray *dia* ny akanga. Aller par troupes. Mandeha *mitsitokotoko.* Cet officier conduit bien sa —. Mitondra tsara ny *antokony* io manamboninahitra io. 2°—, Miaramila, foloalindahy, mpiantafika, tafika. Passer des troupes en revue. Mitsapa ny fahaizan' ny *miaramila*, ny *foloalindahy.* Rassembler des troupes. Mamory *miaramila,* etc.

TROUPEAU, *sm.* 1° Biby manompo iray dia, ondry iray dia. —de vaches. Reniomby *iray dia.* Le loup a fait du ravage dans son—. Ny amboadia nandripaka ny *ondriny.* 2° *fig.* Ondry. Le bon pasteur donne sa vie pour son—. Ny mpiandry ondry tsara mahafoy ny ainy ho any ny *ondriny.*

TROUPIER, *sm.* Miaramila, foloalindahy.

TROUSSE, *sf.* 1° Fehezana, anentana. — de fourrage. *Fehezam*-bilona, *anentam*-bilona. 2°—, Kotra fasiana ny fiasan' ny dokotera na ny mpanaratra.

Aux trousses, *loc. prép.* Être aux trousses de quelqu'un. Manenjika olona.

TROUSSÉ, ÉE, *adj.* Vita tsara na vita ratsy, milamina. Discours bien—. Laha-teny *vita tsara, milamina* tsara. Cela est — à la diable. *Vita ratsy,* natao zara fa *vita*, nataotao foana izany.

TROUSSEAU, *sm.* 1° Fehezana. — de clefs. *Fehezam*-panalahidy. 2°—, Fitafiana. Son —est prêt. Vonona ny *fitafiany.*

TROUSSER, *va.* Mamoritra, manainga. Comme RETROUSSER.

Se trousser, *vpr.* Manainga akanjo.

TROUSSIS, *sm.* Politiny. Faire un — à une jupe. Manisy *politin*-jipo tapaka.

TROUVABLE, *adj.* Azo hita, mety hita.

TROUVAILLE, *sf.* Zavatra hita.

TROUVÉ, ÉE, *adj.* Hita. Enfant—. Zaza kely nariana ka *hita.*

TROUVER, *va.* 1° Mahita. Il a trouvé un trésor. *Nahita* rakitra izy. J'ai trouvé un voleur dans ma maison *Nahita* mpangalatra tao an-tranoko aho. Nous avons trouvé la maison toute délabrée. Efa *hitanay* fa simbasimba be hiany ny trano. 2° *fig.* Mahita, mahazo, manao, mihevitra. Ce médecin a trouvé un bon remède. *Nahita* fanafody tsara io dokotera io. Il a trouvé à s'établir avantagea-

sement. *Nahita, nahazo* toerana tsara izy. Si je trouve grâce à vos yeux. Raha *mahazo* fitia aminao aho, raha ankasitrahanao aho. Je n'y trouve rien à redire. Tsy *hitako* izay azo tsinina amin' izany. Je trouve cela bon. *Hitako, ataoko, heveriko* fa tsara izany. Je lui trouve de l'esprit. *Ataoko,heveriko* fa mahira-tsaina izy. ‖ *loc.* Il a trouvé la mort dans les combats. Maty tany an' ady izy. Il trouve du plaisir à lire. Faly izy raha mamaky boky.—bon. Mankasitraka. Je reviendrai, si vous le trouvez bon. Hiverina aho, raha sitrakao, raha ankasitrahanao.

Se trouver, *vpr.* 1° Mifankahita, mifanena. Ils se trouvèrent chez moi. *Nifankahita,* etc., tao an-tranoko izy ireo. 2°—. Any, ao, misy, hita. Je me trouverai chez vous demain. Ho *any,* ho *ao* aminao aho rahampitso. Cet ouvrage ne se trouve plus. Tsy *misy,* tsy *hita* intsony izany boky izany. 3° *fig.* Hita, manao azy ho. La nouvelle se trouve fausse. *Hita* fa tsy marina izany zava-baovao izany. Il se trouve malheureux. *Manao azy ho* fadiranovana izy. ‖ *loc.* Se— embarrassé. Sahirana. La maison se trouvait vide. Foana ny trano. Le malade se trouve bien. Efa tsara ny marary. Le malade se trouve mal. Mandranodranoka ny marary. Il s'est trouvé mal. Torana izy. Je me trouve bien de ce domestique. Mahafaly ahy izany mpanompo izany. Suivez ce conseil, vous vous en trouverez bien. Araho izany torohevitra izany, fa hahasoa anao.

Il se trouve, *v. imp.* Misy, hita. Il se trouva un homme. *Nisy* olona anankiray. Il se trouva qu'il devait encore dix piastres. *Hita* fa mbola tsy maintsy handoa ariary folo izy.

TROUVÈRE, *sm.* Mpanao hira tsangana taloha tany Frantsa.

TRUC, *sm.* Avoir le—. Mahay, fetsy.

TRUCHEMENT, *sm.* Mpandika teny.

TRUELLE, *sf.* Lalo-by, sotron-tsokay.

TRUELLÉE, *sf.* Eran' ny sotron-tsokay.

TRUFFE, *sf.* Karazan-kolatra tsy hita fototra.

TRUFFER, *va.* Manisy *truffe.*

TRUFFIÈRE, *sf.* Tany misy *truffe.*

TRUIE, *sf.* Renikisoa.

TRUITE, *sf.* Karazan-kazandrano mitovitovy amy ny marakely.

TRUSQUIN, *sm.* Torosy.

TRUSQUINER, *va.* Manatorosy.

TU, TOI, TE, *pron. pers.* Hianao (pour quelqu'un qu'on respecte), ise, ialahy, ilay ity, ilay iroa (d'égal à égal ou de supérieur à inférieur), indrý, indriako, retsy, retsiana, itena, ikala ity, ikala iroa (d'égale à égale ou de supérieure à inférieure).

TUABLE, *adj.* Azo vonoina. Ces poulets sont tuables. *Azo vonoina* ireo vantotr' akoho ireo.

TUANT, ANTE, *adj.* Mahatrotraka. Travail —. Lahasa *mahatrotraka.*

TU-AUTEM, *sm.* Heriny, zavatra lehibe indrindra, zavatra sarotra indrindra. C'est là le—. Izany hiany no *heriny,* etc.

TUBE, *sm.* Fantsona madinika. Le— d'un baromètre. Ny *fantsom*-pitaratra amy ny barometra.

TUBERCULE, *sm.* Vodin-java-maniry.

TUBERCULEUX, EUSE, *adj.* Misy vody, mamody.

TUBÉREUX, EUSE, *adj.* Mamody.

TUDESQUE, *adj.* 1° Germana. Langue —. Fiteny *germana.* 2° *fig.* Tsy mahalala fomba, dondrina. Il a des manières tudesques. *Tsy mahalala fomba,* etc., izy.

—, *sm.* Fiteny germana.

TUER, *va.* 1° Mamono, mahafaty. — un poulet. *Mamono* akoho. Le froid a tué la vigne. Ny hatsiaka *nahafaty* ny fotoboaloboka. 2° *fig.* Mahafaty, manala aina, manala, mahatrotraka, mahadikidiky. Vos veilles vous tueront. *Hahafaty, hanala aina* anao ny fiaretan-tory. — le temps. *Manala* andro. Ce récit est d'une longueur qui tue. *Mahadikidiky* ny halavan' ity tantara ity.

Se tuer, *vpr.* 1° Mamono tena. 2°—, Vonoina. Les porcs se tuent avec un couteau. *Vonoina* amy ny antsy ny kisoa. 3° *fig.* Mamono tena. Il se tue à force de travail. *Mamono tena* amy ny asa mafy izy, miasa miantonto-maty izy.

TUERIE, *sf.* 1° Vonoana olona. 2°—, Trano famonoam-biby.

TUE-TÊTE (À), *loc. adv.* Araka izay tratry ny aina. Crier à —. Minananana *araka izay tratry ny aina.*

TUEUR, *sm.* Mpamono.

TUF, *sm.* Karazam-ba'o fotsy malemy misy loa loaka.

TUILE, *sf.* 1° Tanimanga, kapila. — creuse. *Tanimanga* lakana. — plate. *Kapila.* 2° *fig.* Il m'est tombé une — sur la tête. Nahita loza aho.
TUILERIE, *sf.* Tokotany fanaovan-tanimanga, — kapila.
TUILIER, *sm.* Mpanao tanimanga, — kapila.
TULIPE, *sf.* Karazam-boninkazo mitovitovy amy ny lisy.
TULLE, *sm.* Lamba makarakara.
TUMÉFACTION, *sf.* Fivontosana, mivonto.
TUMÉFIER, *va.* Mampivonto.
Se tuméfier, *vpr.* Mivonto.
TUMEUR, *sf.* Mivonto, mangy. — située au-dessous de l'oreille. *Mangy.*
TUMULAIRE, *adj.* Amy ny fasana. Voy. Sépulcral.
TUMULTE, *sm.* 1° Tabataba, fikotankotana. Il s'éleva du —. Nisy *tabataba*, etc. 2° *fig.* Fikotabataba, fikotranana. Quitter le — du monde. Mandao ny *fikotabataban'* izao tontolo izao. Le — des passions. Ny *fikotranan'* ny filan-dratsy.
En tumulte, *loc. adv.* Amim-pitabatabana, amim-pikotankotanana.
TUMULTUAIRE, *adj.* Misy tabataba.
TUMULTUAIREMENT, *adv.* Amim-pitabatabana.
TUMULTUEUSEMENT, *adv.* Amim-pitabatabana.
TUMULTUEUX, EUSE, *adj.* 1° Misy tabataba, misy fikotanana. Assemblée tumultueuse. Fivoriana *misy tabataba*, etc. 2° *fig.* Misy fikotabatabana, mampitabataba, manakotrana. Vie tumultueuse. Andro iainana *misy fikotabatabana.* Esprit —. Olona *mampitabataba.* Passions tumultueuses. Filan-dratsy *manakotrana.*
TUNIQUE, *sf.* 1° Akanjo vitin' ny miaramila. 2° —, Fono, sarona.. — du foie. *Fonon'* aty. —du cœur. *Sarom*-po.
TUNNEL, *sm.* Lálana anaty tendrombohitra, lálana anaty tany.
TURBAN, *sm.* Lamba ataon' ny silamo fehiloha.
TURBOT, *sm.* Karazan-kazandrano amy ny ranomasina.
TURBULENCE, *sf.* Fikorontanana, fitabatabana.
TURBULENT, ENTE, *adj.* 1° Mpikorontana, mpitabataba. Enfant—. Zazalahy *mpikorontana,* etc. 2°—, Mampitabataba. Esprit —. Olona *mampitabataba.*
TURC, TURQUE, *adj.* et *s.* 1° Torka. 2° *fig.* Il est fort comme un —. Matanjaka dia matanjaka izy. C'est un vrai —. Tena masiaka izy.
À la turque, *loc. adv.* Toy ny Torka.
TURELURE, *sf.* C'est toujours la même —. Izany hiany no averimberindava.
TURLUPIN, *sm.* Mpanao voso-dratsy.
TURLUPINADE, *sf.* Voso-dratsy.
TURLUPINER, *vn.* et *va.* Manao voso-dratsy. Il turlupine tout le monde. *Manao voso dratsy* amy ny olona rehetra izy.
TURPITUDE, *sf.* Havetavetana, zavatra mahamenatra. Cela fait voir sa —. Mampiseho ny *havetavetany* izany. Révéler les turpitudes de quelqu'un. Manambara ny *zavatra mahamenatra* nataon' olona.
TURQUIE, *sf.* Torkia.
TUTÉLAIRE, *adj.* Miaro. Puissance —. Fahefana *miaro.*
TUTELLE, *sf.* 1° Fiahiana ny kamboty mbola tsy maoty. 2° *fig.* Fiarovana, fisakantsakanana. Les citoyens sont sous la — des lois. *Arovan'* ny lalána ny mponina. Il est tenu en —. *Sakantsakanana* izy.
TUTEUR, TUTRICE, *s.* Mpiahy ny kamboty mbola tsy maoty. On l'a nommé —. Voatendry ho *mpiahy ny kamboty mbola tsy maoty* izy.
—, *sm.* Tohan-jana-kazo.
TUTOIEMENT ou **TUTOÎMENT,** *sm.* Fialahilahiana, fitenatenána, fitity.
TUTOYER, *va.* Mialahilahy, mitenatena, mititý. Il tutoie tout le monde. *Mialahilahy,* etc., ny olona rehetra izy.
Se tutoyer, *vpr.* Mifampialahilahy, mifanao ialahy, mifampitenatena, mifanao itena, mifampititý.
TUYAU, *sm.* 1° Fantsona. 2°—, Fivoahan-tsetroka. Le —de la cheminée est trop étroit. Ety loatra ny *fivoahan-tsetroka* amy ny lafaoro. 3°—, Zavatra lavalava poaka aty. —de plume d'oie. Ny *poaka aty* amy ny volom-borombe. 4° —, Tsongový. 5° *fig.* Parler dans le — de l'oreille. Manao toho-tsofina.
TUYAUTAGE, *sm.* Fanaovan-tsongový.
TUYAUTER, *va.* Manao tsongový. —un collerette. *Manao tsongový* vozon'akanjom-behivavy.

TUYÈRE, *sf.* Vavadidy.

TYMPAN, *sm.* Ampongan-tsofina.

TYPE, *sm.* 1° Fakan-tahaka. 2° —, Tandindona, ohatra. L'agneau pascal est le — de Jésus-Christ. Ny zanak' ondrin' ny paka dia *tandindony* Jeso-Kristy. *ohatra* amy ny Jeso-Kristy. 3°—, Sary milaza ohatra. Le — de cette médaille est une victoire. Ny sary amin' io medaly io dia *sary milaza* fandresena. 4°—, Lohavý. De beaux types. *Lohavý* tsara.

TYPHOÏDE, *adj.* Fièvre —. Tefoedra.

TYPHUS, *sm.* Karazan' aretina mifindra.

TYPIQUE, *adj.* Misy tandindona, misy ohatra.

TYPOGRAPHE, *sm.* Mpanao printy.

TYPOGRAPHIE, *sf.* Fahaizana manonta printy, trano fanaovam-printy.

TYPOGRAPHIQUE, *adj.* Fanaovam-printy. Caractères typographiques. Lohavý *fanaovam-printy.*

TYRAN, *sm.* 1° Mpanjaka masiaka. 2°—, Mpitondra olona amin-kasiahana. Il est le — de sa famille. *Mitondra amin-kasiahana* ny fianakaviany izy. 3° *fig.* Zavatra mamoritra, zavatra mahery.

TYRANNEAU, *sm.* Lehibe masiaka.

TYRANNIE, *sf.* 1° Fitondrana olona amin-kasiahana, famoritana. 2° *fig.* Famoritana, hery. La — de la mode. Ny *herin'*ny lamody.

TYRANNIQUE, *adj.* Masiaka, mamoritra. Gouvernement —. Fanjakana *masiaka*, etc.

TYRANNIQUEMENT, *adv.* Amin-kasiahana.

TYRANNISER, *va.* 1° Mitondra olona amin-kasiahana, mamoritra. Ce gouverneur tyrannise le peuple. *Mitondra* ny vahoaka *amin-kasiahana, mamoritra* ny vahoaka io governora io. 2° *fig.* Mamoritra. Les passions tyrannisent l'âme. Ny filan-dratsy *mamoritra* ny fanahy.

U

UHLAN ou **HULAN,** *sm.* Maramila germana mpitaingin-tsoavaly.

UKASE, *sm.* Didin' ny emperorany Rosia.

ULCÉRATION, *sf.* Fanjariana ho boiboika, fanjariana ho dridra.

ULCÈRE, *sm.* Boiboika, dridra, hararaotra. Cette plaie a dégénéré en —. Nanjary ho *boiboika, dridra,* nanao *hararaotra* izany fery izany.

ULCÉRÉ, ÉE, *adj.* 1° Misy boiboika, dridraina. 2° *fig.* Cœur —. Fo mitahiry lolom-po. Conscience ulcérée. Fieritreretana mauindrona mafy.

ULCÉRER, *va.* 1° Mahatonga boiboika, — dridra. 2° *fig.* Mahatonga lolom-po. Ce discours l'a ulcéré. *Nahatonga lolom-po* taminy ireo teny ireo.

S'ulcérer, *vpr.* Tonga boiboika, tonga dridra, manao hararaotra. Sa plaie s'est ulcérée. *Tonga boiboika,* etc., ny feriny.

ULCÉREUX, EUSE, *adj.* Feno boiboika, dridraina, manao hararaotra.

ULTÉRIEUR, EURE, *adj.* 1° Andafy. 2°—, Tonga aoriana, atao aoriana. Nouvelles ultérieures. Zava-baovao *tonga aoriana.*

ULTÉRIEUREMENT, *adv.* Aoriana.

ULTIMATUM, *sm.* Farateny, oltimatoma.

ULTRAMONTAIN, AINE, *adj.* et *sm.* Miandany amy ny papa.

UN, *sm.* Isa, iray, anankiray. —, deux, trois. *Isa, iray,* roa, telo. — et — font deux. *Iray* sy ny *iray,* roa. Donnez-m'en —. Omeo *iray, anankiray* aho. L'— et l'autre. Voy. AUTRE.

UN, UNE, *adj.* 1° Iray, anankiray, tokana. — homme. Lehilahy *iray, anankiray.* Dieu est —. *Iray, tokana* Andriamanitra. 2°—, Ny. — chrétien doit faire cela. Tsy maintsy hanao izany *ny* kristiana.

Un à un, *loc. adv.* Tsirairay.

UNANIME, *adj.* Miray hevitra. Les opinions furent unanimes. *Niray hevitra* izy ireo.

UNANIMEMENT, *adv.* Amim-piraisan-kevitra.

UNANIMITÉ, *sf.* Firaisan-kevitra. On a décidé cela à l'—. *Niray hevitra* mba handraikitra izany izy ireo.

UNI, IE, *p.* et *adj.* 1° Voakambana, nakambana, mikambana, voatohy, natohy, mitohy. 2°—, Mitovy tantana, iray

volo, tsotra. Surface unie. Zavatra *mitovy tantana*. Étoffe unie. Lamba *mitovy tantana*, etc. 3° *fig*. Miray fo, miray hevitra. Ce sont des gens bien unis. Olona *miray fo*, etc., tokoa izy ireo. 4° —, Tsotra. Un style —. Laha-teny *tsotra*. Un homme tout —. Lehilahy *tsotra*.

UNIÈME, *adj*. Faharaika. Trente et —. *Faharaika* amby telopolo.

UNIÈMEMENT, *adv*. Faharaika. Vingt et —. *Faharaika* amby roapolo.

UNIFICATION, *sf*. Fanakambanana.

UNIFIER, *va*. Manakambana.

UNIFLORE, *adj*. Tokam-bony. Tige —. Tahon-java-maniry *tokam-bony*.

UNIFORME, *adj*. Mitovitovy, mitovy tantana. Une conduite —. Fitondran-tena *mitovitovy*. Des bâtiments uniformes. Trano *mitovitovy*. Mouvement —. Fihetsehana *mitovy tantana*.

—, *sm*. Akanjo fanamiana. Mettez votre —. Ataovy ny *akanjo fanamianao*.

UNIFORMÉMENT, *adv*. Amim-pitoviana, amim-pitovian-tantana.

UNIFORMITÉ, *sf*. Fitoviana, fitovian-tantana.

UNIMENT, *adv*. Amim-pitovian-tantana. tsotra. Cette toile est travaillé —. Natao *mitovy tantana* io lamba io.

UNION, *sf*. 1° Fikambanana, fanakambanana. L'—de l'âme avec le corps. Ny *fikambanan'* ny fanahy amy ny vatana. 2° *fig*. Fikambanana, fanakambanana, firaisam-po, firaisan-kevitra, fanambadiana. Leur mariage a fait l'—de ces deux familles. Ny fanambadian' izy ireo *nanakambana* ireo fianakaviana roa ireo. Il n'y a point d'—entre eux. Tsy *miray fo*, tsy *miray hevitra* izy ireo. L'—conjugale. Ny *fikambanan'* ny mpivady. Le Ciel a béni leur —. Nitahy ny *fanambadian'* izy ireo Andriamanitra.

UNIPERSONNEL, ELLE, *adj*. Comme Impersonnel.

UNIQUE, *adj*. 1° Tokana. Fils—. Zanakalahy *tokana*. 2° *fig*. Tsy manam-paharoa, hafahafa. C'est un homme—en vertu. Lehilahy *tsy manam-paharoa* amy ny hatsaram-panahy izy. Il a un caractère—. *Hafahafa* toetra izy.

UNIQUEMENT, *adv*. Tokana, afa-tsy, hany. Il est — occupé de cela. Izany *tokana* no raharahany, tsy manao raharaha hafa *afa-tsy* izany izy. Il l'aime —. Izy no *hany* malalany.

UNIR, *va*. 1° Manakambana, mampitohy. —deux terres ensemble. *Manakambana* tany roa. —deux tuyaux. *Mampitohy* fantsona roa. Ils ont uni leurs armées. *Nanakambana* ny miaramilany izy ireo. 2°—, Mampitovy tantana. —une allée. *Mampitovy tantana* araben-dálana. 3° *fig*. Manakambana, mampiray fo, — hevitra. C' est l'amitié qui les unit. Ny fifankatiavana no *manakambana* azy ireo.

S'unir, *vpr*. Mikambana, miray fo, —hevitra. S'— contre quelqu'un. *Mikambana* hanohitra olona.

UNISSON, *sm*. 1° Firaisam-peo. Chantez à l'—. Ataovy *feo iray* ny feonareo. 2° *fig*. Firaisam-po, firaisan-kevitra. Leurs esprits sont à l'—. *Miray fo, — hevitra* izy ireo.

UNITÉ, *sf*. 1° Venty. 2°—, Hatokana, firaisana. Il y a en Dieu—de substance. Misy fomba *tokana* ao amin' Andriamanitra. —de sentiments. *Firaisan-kevitra*.

UNITIF, IVE, *adj*. Vie unitive. Toepiainana misy firaisam-po amin' Andriamanitra.

UNIVERS, *sm*. Izao tontolo izao, izao rehetra izao. Dieu créa l'—. Andriamanitra nahary *izao tontolo izao*, etc. Il n'y a rien de pareil dans l'—. Tsy misy zavatra mitovy amin' *izao tontolo izao*, etc. Tout l' — était à ses genoux. Niankohoka teo anatrehany avokoa *izao tontolo izao*.

UNIVERSALISER, *va*. Manitatra amy ny zavatra rehetra.

UNIVERSALITÉ, *sf*. 1° Rehetra. L'—des êtres. Ny zavatra áry *rehetra*. L'—des biens. Ny fananana *rehetra*. 2° —, Fahaizana ny zavatra rehetra. Son —suffit à tout. Mahasahana ny zavatra rehetra ny *fahaizany*.

UNIVERSEL, ELLE, *adj*. Amin' izao tontolo izao, amin'izao rehetra izao, amy ny olona rehetra, amy ny zavatra rehetra. Déluge —. Safo-drano nanenika *an' izao tontolo izao, an' izao rehetra izao*. Famine universelle. Mosary mahazo *izao rehetra izao, ny olona rehetra*. Il a obtenu l'approbation universelle. Nankatoavin' *ny olona rehetra* izy. Remède —. Fanafodin' *izao aretina rehetra izao*, fanafodin' ny aretina *rehetra*. C'est un esprit —, il est —. Mahay *ny zavatra rehetra* izy.

UNIVERSELLEMENT, *adv*. Amin'

izao tontolo izao, amin'izao rehetra izao, amy ny olona rehetra.

UNIVERSITAIRE, *adj.* Amy ny oniversitý.

—, *sm.* Isan'ny oniversitý, mpiandany amy ny oniversitý.

UNIVERSITÉ, *sf.* Oniversitý.

URBAIN, AINE, *adj.* Amy ny renivohitra.

—, *sm.* Ny ambonivohitra.

URBANITÉ, *sf.* Fanajana, fahaiza-manaja, fahalalana fomba. Comme POLITESSE.

URGENCE, *sf.* Hamehana. En cas d'—. *An-kamehana.*

URGENT, ENTE, *adj.* Maika, mahamaika, mahatery, mahaporitra. Affaire urgente. Raharaha *maika, mahamaika.* Il est dans un besoin—. *Tery, poritra* izy. Voy. PRESSANT.

URINAIRE, *adj.* Momba ny amány.

URINAL, *sm.* Tavimandry.

URINE, *sf.* Amány.

URINER, *vn.* Mamany, manditsaka.

URINEUX, EUSE, *adj.* Hoatra ny amány.

URNE, *sf.* 1° Siny nataon'ny ntaolo fitoeran-davenom-paty. 2°—, Siny fitoerana latsa-bato.

URTICAIRE, *sf.* Tandomerina, tandomitra.

US, *sm. pl.* Fanao. Les — et coutumes. Ny *fanao.*

USAGE, *sm.* 1° Fanao, fomba, fahazarana. Suivre l'—. Manaraka ny *fanao,* ny *fomba.* Ce mot n'est plus en—. Tsy *fanao* intsony izany teny izany. C'est l'— du pays. *Fomban*-tany izany. Il veille beaucoup, c'est son—. Miari-tory ela izy, izany no *fanaony, zatra* amin' izany izy. 2°—, Fihinanana, fisotroana, fandaniana, fitondrana, fanaovana, fandaminana. Il ne fait pas—de cet aliment. Tsy *mihinana* izany hanina izany izy. Il ne fait — que de ce remède. Tsy *mihinana, misotro, manao* afa-tsy io fanafody io izy. Il fait un bon—de son temps. *Mandany* tsara ny androny izy. Il fait un mauvais — de ses richesses. Ny hareny no *entiny* manao ratsy. Cela ne m'est plus d'aucun —. Tsy *anaovako* na inona na inona intsony izany. En vendant sa bibliothèque, il s'en est réservé l'— sa vie durant. Tamy ny nivarotany ny bokiny dia nasiany fanekena fa mbola *hanaovany* mandra-pahafatiny. L'— qu'il a fait de cette expression est heureux. Tsara ny *nandaminany* izany fombam-pitenenana izany. 3°—, Fahaizana olona, fahalalana fomba. Il manque d'—. Tsy *mahay olona,* tsy *mahalala fomba* izy.

USÉ, ÉE, *adj.* 1° Rovitra, tonta, simba, mondro. Habit —. Akanjo *rovitra, tonta.* Des meubles usés. Fanaka *simbasimba.* Bêche usée. Angady *mondro.* Couteau —. *Mondron'* antsy. 2° *fig.* Reraka, osa, donto, maty hena. C'est un homme —. *Reraka, osa* izy. Il a le goût —. *Donto, maty hena* ny vavany.

USER, *vn.* Mihinana, misotro, mandany, enti-manao, manao, mandamina. Il use bien du pouvoir qu'il a. *Entiny manao* soa ny fahefany. — de violence. *Manao* an-kery. — d'artifice. *Manao* ankafetsena. Il en use fort bien avec moi. *Manao* soa amiko loatra izy. Il en use très mal envers son bienfaiteur. *Manao* ratsy loatra, melomeloka loatra amy ny mpanao soa azy izy.

—, *va.* 1° Mandany, mahalany, mandevona, mandrovitra, manimba. Il use beaucoup de tabac. *Mandany, mahalany* paraky be loatra izy. Le pavé use le fer des chevaux. Ny ngorodom-bato *mandany, mandevona* ny kitrovin-tsoavaly. Les enfants usent beaucoup d'habits. *Mandevona, mandrovitra* akanjo diso vala ny ankizy madinika. 2° *fig.* Manimba, mandreraka. — ses yeux à force de lire. *Manimba* ny masony amy ny famakian-teny be loatra. Il n'y a rien qui use tant le corps que les longues veilles. Tsy misy *mandreraka* ny vatana mihoatra ny fiaretan-tory.

S'user, *vpr.* 1° Lany, mihalany, levona, mihalevona, rovitra, miharovitra, simba, mihasimba. 2° *fig.* Mihareraka.

USINE, *sf.* Trano fanefena, trano fanidinana, etc.

USITÉ, ÉE, *adj.* Fanao.

USTENSILE, *sm.* 1° Fanaka madinika fomban'ny tokan-trano. Ustensiles de cuisine. *Fanaka* fandrahoana. 2°—, Fiasana. Les ustensiles du jardinage. Ny *fiasan'* ny mpamboly anana.

USUEL, ELLE, *adj.* Fanao andavanandro. Langage —. Fiteny *fanao andavanandro.*

USUELLEMENT, *adv.* Andavanandro. Cela se dit —. Fiteny *andavanandro* izany.

USUFRUIT, *sm.* Fahatapahana fotsi-

ny, fahazakana fotsiny, fahazoana manaram-po fotsiny. Voy. Jouissance.

USUFRUITIER, IÈRE, *s.* Olona mahatapaka fotsiny, — mahazaka fotsiny, — mahazo manaram-po fotsiny.

USURAIRE, *adj.* Mampandoa zana-bola be loatra, mangidy kely. Contrat —. Fanekena *mampandoa zana-bola be loatra.* Intérêt —. Zana-bola *mangidy kely.*

USURAIREMENT, *adv.* Be loatra, mangidy kely.

USURE, *sf.* 1° Zana-bola be loatra, zana-bola mangidy kely. Prêter à —. Manao *zana-bola be loatra,* etc. 2°—, Hatonta, faharovitana. Son habit est percé; ce n'est pas accident, c'est —. Loaka ny akanjony; ary tsy zavatra tsy nahy anefa, fa efa *tonta, rovitra* rahateo. 3° *fig.* Rendre avec —. Manonitra avo roa toko. Dieu rend avec — ce qu'on a fait pour lui. *Oneran'* Andriamanitra *avo roa toko* ny asa soa ataon' ny olona ho Azy.

USURIER, IÈRE, *s.* Mpanao zana-bola be loatra, mpanao zana-bola mangidy kely.

USURPATEUR, TRICE, *s.* 1° Mpaka tsy an-drariny, mpisazoka, mpisandoka. 2°—, Mpaka tsy an-drariny ny fahefan' ny mpanjaka, mpisazoka ny fahefan' ny mpanjaka, mpisandoka ho mpanjaka. L'— fut renversé. Naongana ilay *naka ny fahefan' ny mpanjaka tsy an-drariny,* etc.

USURPATION, *sf.* Fakana tsy an-drariny, fisazohana, fisandohana, fanandohana.

USURPER, *va.* Maka tsy an-drariny, misazoka, misandoka, manandoka. Il usurpa l'autorité souveraine. *Naka tsy an-drariny, nisazoka* ny fahefan' ny mpanjaka, *nisandoka* ho mpanjaka izy. Il usurpa le titre de prince. *Nisandoka* ho zanak' andriana izy, *nanandoka* ny fiandrianan' ny zanak' andriana izy.

—, *vn.* Manao angady be lela. Il usurpe sur le terrain voisin. *Manao angady be lela* amy ny tany manolotra ny azy izy.

UTÉRIN, INE, *adj.* Iray reny, iray tampó.

UTILE, *adj.* Mahasoa, manampy. Lecture —. Famakiam-boky *mahasoa.* Cet homme vous sera — dans vos affaires. *Hanampy* anao tsara amy ny raharahanao io lehilahy io.

—, *sm.* Ny mahasoa. Joindre l'— à l'agréable. Manakambana *ny mahasoa* sy ny mahafinaritra.

UTILEMENT, *adv.* Mahasoa.

UTILISER, *va.* Manao zavatra mahasoa. Il a bien utilisé les matériaux qui restaient. *Nanao zavatra mahasoa* tamy ny zavatra sisa izy.

UTILITÉ, *sf.* Soa.

UTOPIE, *sf.* 1° Fanjakana lavorary izay heverina ao an-tsaina fotsiny. 2° *fig.* Hevitra ambony, hevi-dravina. Il se crée des utopies. Mamorona *hevitra ambony,* etc., izy.

UTOPISTE, *sm.* Mpanao hevitra ambony, mpamorona hevi-dravina.

V

VACANCE, *sf.* 1° Andro tsy isian' ny mpanao amy ny raharaha anankiray. Durant la — du saint siège. Tamy ny *andro tsy nisian'* ny papa tao amy ny fiketrahany. 2°—, *pl.* Andro maromaro ialan-janona. Ils ont six semaines de vacances. *Miala janona* iray volana sy tapany izy ireo.

VACANT, ANTE, *adj.* Foana, tsy misy mpipetraka, tsy misy mpanao. Il y a un appartement — dans cette maison. Misy efitra anankiray *foana, tsy misy mpipetraka* ao amin' io trano io. Place vacante. Raharaha *tsy misy mpanao.*

VACARME, *sm.* Tabataba. Il y a du — dans cette maison. Misy *tabataba* amin' itsy trano itsy.

VACATION, *sf.* 1° Andro vitsivitsy anaovan' ny mpanao raharaham-panjakana sasany raharaha anankiray. 2°—, Karama omena ny mpanao raharaham-panjakana sasany. 3°—, *pl.* Andro maromaro fialan-janonan' ny mpitsara.

VACCIN, *sm.* Nana fanaovam-baksina.

VACCINATEUR, TRICE, *adj.* et *s.* Mpanao vaksina.

VACCINATION, *sf.* Fanaovam-baksina.

VACCINE, *sf.* 1° Aretin' ombivavy fanaovam-baksina. 2°—, Vaksina.

VACCINER, *va.* Manao vaksina. Il a fait — son enfant. *Nampanao vaksina* ny zanany izy.

VACHE, *sf.* 1° Reniomby, ombivavy. 2°—. Hoditr' ombivavy. Souliers en—. Kiraro *hoditr' ombivavy.* 3° *fig.* — à lait. Fiharena. Ce procès est pour lui une—à lait. Io ady io no *fihareny.* Il n'est rien de tel que le plancher des vaches. Ny mandeha an-tanety tsy mamohehatra toy ny miondrana an-tsambo. Manger de la — enragée. Mikokokoko, fadiranovana.

VACHER, ÈRE, *s.* Mpiandry ombivavy, mpanaraka ombivavy.

VACHERIE, *sf.* Tranon' ombivavy.

VACILLANT, ANTE, *adj.* 1° Mipendrampendrana, mihevingevina, mipararetra. Lueur vacillante. Fahazavana *mipendrampendrana.* Il a la marche vacillante. *Mihevingevina* ny fandehany. Il a la main vacillante *Mipararetra* ny tànany. 2° *fig.* Misalasala, miroahana, miahanahana, miherohero. Esprit —. Saina *misalasala,* etc.

VACILLATION, *sf.* 1° Fipendrampendrana, fihevingevina, fipararetra. La — d'une barque. Ny *fihevingevin'* ny lakana. 2° *fig* Fisalasalana, firoahana, fiahanahana, fiherohero.

VACILLER, *vn.* 1° Mipendrampendrana, mihevingevina, mipararetra. 2° *fig.* Misalasala, miroahana, miahanahana, miherohero. — dans ses résolutions. *Misalasala,* etc., amy ny fikasana.

VACOA, *sm.* Vakoana.

VADE-MECUM, *sm.* Fitondra. Ce petit livre est mon —. Ity boky kely ity no *fitondraho.*

VA-ET-VIENT, *sm.* Zavatra miverimberina amy ny milina, fiverimberina.

VAGABOND, ONDE, *adj.* 1° Miriorio, mirenireny, mirendrena, manjenjena. Femme vagabonde. Vehivavy *miriorio,* etc. 2° *fig.* Miriorio. Imagination vagabonde. Saina *miriorio.*

—, *sm.* Mpiriorio, mpirenireny, mpirendrena, mpanjenjena.

VAGABONDAGE, *sm.* Firioriovana, firenirenena, firendrenana, fanjenjenana.

VAGABONDER, *vn.* Miriorio, mirenireny, mirendrena, manjenjena.

VAGIR, *vn* Mitomany, mikonaina.

VAGISSEMENT, *sm.* Fitomanin' ny zaza kely vao teraka, fikonaina —.

VAGON ou **WAGON,** *sm.* Kalesin' ny lálam-by.

VAGUE, *sf.* Onjan-drano, alon-drano.

VAGUE, *adj.* 1° Tsy voafetra. Un espace —. Fitoerana *tsy voafetra.* 2° *fig.* Tsy mazava, tsy hita fototra. Pensées vagues. Hevitra *tsy mazava,* etc. Une — mélancolie. Alahelo *tsy hita fototra.*

—, *sm.* 1° Fitoerana tsy voafetra, habakabaka. Dans le — des airs. Any amy ny *habakabaka.* 2° *fig.* Zavatra tsy mazava, zavatra tsy hita fototra.

VAGUEMENT, *adv.* Tsy mazava. Il a répondu —. *Tsy* namaly *mazava* izy.

VAILLAMMENT, *adv.* Amin-kerimpo. Il a — combattu. Niady *tamin-kerim-po* izy.

VAILLANCE, *sf.* Herim-po.

VAILLANT, ANTE, *adj.* Mahery fo.

VAILLE QUE VAILLE, *loc. adv.* Izay alehany alehany. Donnez votre pétition —. Atolory hiany ny fangatahanao, fa *izay alehany alehany.*

VAIN, VAINE, *adj.* 1° Foana, tsinontsinona, tsy misy fotony. Il fit de vains efforts. Sasa-*poana* izy. La gloire du monde est une chose bien vaine. Zava-*poana* dia zava-*poana, tsinontsinona* dia tsinontsinona ny voninahitr' izao tontolo izao. Une vaine crainte. Tahotra *tsy misy fotony.* 2°—, Mieboebo, mianjonanjona, mirehareha, mirehaka, mihambohambo. Jeune homme —. Tovolahy *mieboebo,* etc.

En vain, *loc. adv.* Foana.

VAINCRE, *va.* Mandresy, mihoatra, mahatsindry. — les ennemis. *Mandresy* ny fahavalo. Il a vaincu ses rivaux. *Nandresy, nihoatra* ny mpifaninana taminy izy. — dans la dispute. *Mandresy* lahatra. — quelqu'un en politesse. *Mihoatra* olona amy ny fahaizana manaja. Il a vaincu toutes les difficultés. *Nandresy* ny sampona rehetra izy. — sa colère. *Mahatsindry* hatezerana.

Se vaincre, *vpr.* Mahafehy tena, manindry fo, manonom-po.

VAINCU, UE, *p.* et *adj.* Resy, noresena, nihoarana, voatsindry, notsindriana. — par l'évidence des preuves. *Resy* tamy ny porofo miharihary.

—, *sm.* Ny resy. Malheur aux vaincus! Maizina no manjó *ny resy !*

VAINEMENT, *adv*. Foana.

VAINQUEUR, *sm*. Mpandresy.

—, *adj*. 1° Mandresy. 2°—, Mieboebo, mianjonanjona, mirehareha. Prendre un air —. *Mieboebo*, etc., toetra.

VAISSEAU, *sm*. 1° Zavatra fasian-drano toy ny siny, vilany, barika. 2°—, Sambo. — de guerre. *Sambo* mpiady. 3° —, Aty trano. Cette église est un beau —. Mahafinaritra ny *atin'* io *trano* leglizy io. 4°—, Lálan-dra ao anatin' ny vatana. Vaisseaux sanguins. *Lálan-dra*.

VAISSELLE, *sf*. Lovia. — plate. *Lovia* vola.

VAL, *sm*. Lohasaha. Par monts et par vaux. Voy. Mont.

VALABLE, *adj*. Marina, azo ekena. Cette quittance est —. *Marina* izany taratasy milaza fahafahan-trosa izany. Cette excuse n'est pas —. Tsy *marina*, tsy *azo ekena* izany fialan-tsiny izany.

VALABLEMENT, *adv*. Araka ny marina.

VALET, *sm*. 1° Mpanompo, maromita. — de pied. *Mpanompo*, etc., mpanaraka. — de chambre. *Mpanompo* mpikanonkanona ny ao an-trano. 2°—, Vy fanindriana rafitra, valé. 3°—, Ampamaky. Le — de cœur. Ny *ampamakin'* ny samamena.

VALETAILLE, *sf*. Mpanompo maro. Que faites-vous de cette —? Ataonao inona ireo *mpanompo maro* ireo?

VALÉTUDINAIRE, *adj*. et *s*. Faraty, farofy.

VALEUR, *sf*. 1° Herim-po. 2°—, Vidy. Estimer la — d'un cheval. Manombana ny *vidin*-tsoavaly. Valeur nominale. Voy. Nominal. Papier de nulle—. Taratasy tsy misy *vidiny*. 3° —, Harena, taratasy vola. Il possède des valeurs. Manan-*karena*, etc., izy. Il a des valeurs en portefeuille. Manan-*taratasy vola* ao anatin' ny poketra bokiny izy. 4°—, Hevitry ny teny. Il ne connaît pas la — des mots. Tsy mahalala ny *hevitry ny teny* izy. ‖ *loc*. Attacher de la — à quelque chose. Manao ho zavatra ny zavatra anankiray. Il a été absent la — de deux heures. Tsy tao totokony ho adim-pamantaranandro roa izy.

VALEUREUSEMENT, *adv*. Amin-kerim-po.

VALEUREUX, EUSE, *adj*. Mahery fo.

VALIDATION, *sf*. Fampahatongavana ho marina.

VALIDE, *adj*. 1° Marina, araka ny lalána, izy, tsara. Ce contrat n'est pas —. Tsy *marina*, tsy *araka ny lalána*, tsy *izy* izany fanekena izany. Ce baptême est—. *Tsara* izany batemy izany. 2°—, Tsy marary, matanjaka.

VALIDEMENT, *adv*. Araka ny marina. araka ny lalána, tsara.

VALIDER, *va*. Mahatonga ho marina.

VALIDITÉ, *sf*. Hamarinana, hatsara.

VALISE, *sf*. Vata hoditra fitondra mandeha.

VALLÉE, *sf*. Lohasaha. Dans cette—de larmes. Amin' ity *lohasaha* fitomaniana ity.

VALLON, *sm*. Lohasaha.

VALOIR, *vn*. Vidy. Cet objet vaut dix francs. Ariary roa no *vidin'* io zavatra io. Il a vendu un cheval qui ne valait rien. Nahalafo soavaly anankiray izay efa tsy nisy *vidiny* izy. ‖ *loc*. Il ne vaut pas la peine qu'on lui réponde. Tsy tokony hovaliana izy. Cette affaire ne vaut pas la peine d'y penser. Tsy tokony hoheverina izany raharaha izany. Ce potage ne vaut rien. Tsinontsinona izany lasopy izany. Cet habit ne vaut rien. Tsinontsinona. hoto io akanjo io. Il n'a rien fait qui vaille. Tsinontsinona ny asa nataony. Ma montre vaut mieux que la vôtre. Ny famantaranandroko tsaratsara kokoa noho ny anao. Il vaut mieux parfois se taire que de parler. Indraindray tsaratsara kokoa, aleo ny mangina toy izay ny miteny. Il fait — ses terres. Mahazo vokatra amy ny taniny izy. Il fait — son argent. Mampiasa ny volany izy. Il fait — sa marchandise. Manao dokam-barotra izy. Il se fait —. Midoka tena izy. Il fait trop — ses services. Tsy mahandry hodokafana amy ny soa ataony izy.

—, *va*. 1° Mampahazo. Sa terre lui a valu dix mille francs. *Nahazoany* roa arivo vola ny taniny. Ses exploits lui valent une gloire immortelle. Ny herim-po naschony *mampahazo* azy voninahitra mandrakizay. 2°—, Mitovy. En chiffre romain le D vaut 500. Amiy ny marika romana ny D mitovy amy ny 500.

VALSE, *sf*. Valotra.

VALSER, *vn*. Manao valotra.

VALSEUR, EUSE, *s*. Mpanao valotra.

VALUE, *sf*. Plus —. Fitomboam-bidy.

Il faut encore payer dix piastres pour la plus —. Mbola tsy maintsy handoavana ariary folo izany noho ny *nitomboany*.

VAMPIRE, *sm.* 1° Lolovokatra lazain' ny angano ho mitsentsitra ny ran'olona. 2°—, Fanihy, manavibe. 3° *fig.* Mpiharaka, mpanao mamba noana.

VAN, *sm.* Sahafa fikororoham-bary, sahafa.

VANDALE, *sm.* Mpandrava efa.

VANDALISME, *sm.* Fandravana efa.

VANILLE, *sf.* Vanila.

VANILLIER, *sm.* Foto-banila.

VANITÉ, *sf.* 1° Hatsinontsinona. La — des grandeurs humaines. Ny *hatsinontsinon'* ny voniñahitr' izao tontolo izao. 2°—, Eboebo, anjonanjona, rehareha, rehaka, hambohambo. Avoir de la —. *Mieboebo, mianjonanjona, mirehareha, mirehaka, mihambohambo.*

Sans vanité, *loc. adv.* Tsy mirehaka, tsy mihambohambo. Sans —, j'en sais plus que lui sur ce sujet. *Tsy mirehaka*, etc., aho, fa mahalala kokoa noho izy raha ny amin' izany.

VANITEUX, EUSE, *adj.* et *s.* Mirehareha foana, be rehaka, be hambo.

VANNAGE, *sm.* Fikororohana, fanofana.

VANNE, *sf.* Vavahadin-drano.

VANNER, *va.* Mikororóka, manofa, manempaempa. — du blé. *Mikororóka* varim-bazaha. — le riz qu'on pile. *Manofa* vary. — de la farine. *Manempaempa* lafarina.

VANNEUR, *sm.* Mpikororóka.

VANTARD, ARDE, *adj.* et *s.* Midera tena, mirehaka, mirehareha.

VANTARDISE, *sf.* Rehaka, rehareha.

VANTER, *va.* Midera. On le vante beaucoup. *Deraina* izaitsizy izy.

Se vanter, *vpr.* Midera tena, mirehaka, mirehareha. Il m'a rendu service, mais il s'en vante trop. Nanao soa tamiko izy, nefa *midera tena*, etc., loatra noho izany. Il se vante d'en venir à bout. *Mirehareha* hahavita izany izy.

VANTERIE, *sf.* Rehaka, rehareha.

VA-NU-PIEDS, *sm.* Mpikaforoforo, mpikokokoko, mpiriorio.

VAPEUR, *sf.* 1° Fofona, etona, fofondrano, fofon-tany, sitimo, vapora. — d'eau. *Fofon*-drano, *eton*-drano. — de camphre. *Fofon*-kamifaoro. Vapeurs malsaines. *Fofon-drano, fofon-tany* mankarary. Machine à—. Milina ampandehanin'ny *fofon-drano, sitimo*. Bateau à —. Sambo *sitimo*. 2°—, *pl.* Bain de vapeurs. Evoka, flevohana. Les vapeurs du vin. Ny fanelonelon' ny andoha, ny fandrendrindrendrina, ny fanjenjinjenjina avy amy ny divay. Les vapeurs du vin ont troublé sa raison. Nahajenjina azy loatra ny divay.

VAPOREUX, EUSE, *adj.* 1° Manjavonjavona. Ciel —. Lanitra *manjavonjavona*. 2°—, Maizimaizina. Style —. Laha-teny *maizimaizina*.

VAPORISATION, *sf.* Fanjariana ho fofona, — ho etona.

VAPORISER, *va.* Mampanjary ho fofona, — ho etona.

Se vaporiser, *vpr.* Manjary ho fofona, — ho etona. Voy. S'ÉVAPORER.

VAQUER, *vn.* 1° Foana, tsy misy mpipetraka, tsy misy mpanao. Voy. VACANT. 2° —, Miala janona. Les tribunaux vaquent en ce moment. *Miala janona* izao ny mpitsara. 3°—, Manao. Il vaque à ses affaires. *Manao* ny raharahany izy.

VARANGUE, *sf.* Lavarangana.

VARECH ou **VAREC,** *sm.* Karazanjava-maniry eny amoron-dranomasina.

VAREUSE, *sf.* Karazam-bolozy volon' ondry.

VARIABILITÉ, *sf.* Fiovaovana. La — du temps. Ny *fiovaovan'* ny andro.

VARIABLE, *adj.* Miovaova. Vent —. Rivotra *miovaova*.

—, *sm.* Ambaratonga amy ny barometra milaza ny fiovaovan' ny andro. Le baromètre est au —. Tonga ao amy ny *ambaratonga milaza ny andro miovaova* ny barometra.

VARIANTE, *sf.* Teny sasany tsy mitovy ao amy ny boky. Les variantes de la Bible. Ny *teny sasany tsy mitovy ao amy ny* Soratra Masina.

VARIATION, *sf.* 1° Fiovaovana. Les variations du temps. Ny *fiovaovan'* ny andro. 2° —, *pl.* Fanangolangolan-kira.

VARICE, *sf.* Fihandronan-dra amy ny hoza-dra.

VARIÉ, ÉE, *adj.* Miovaova, tsy ridralava, maro karazana. Style —. Laha-teny *miovaova, tsy ridralava*. Fleurs variées. Voninkazo *maro karazana*.

VARIER, *va.* Manovaova, manao maro karazana, manangolangola. — ses occu-

pations. *Manoraora* ny raharahany. — les mets. *Manao* nahandro *maro karazana*. — un air. *Manangolangola* hira anankiray.

—, *vn*. 1° Miovaova. Son caractère varie à chaque instant. *Miovaova* lalandava ny toe-panahiny. 2° —, Samihafa hevitra, samihafa filaza. Les historiens varient sur ce fait. *Samihafa ny hevitra*, — *ny filazan'* ny mpitantara ny amin' izany zavatra niseho izany.

VARIÉTÉ, *sf*. Fiovana, tsy fitoviana, hasamihafa, karazana. Cet ouvrage manque de —. Tsy misy *fiovana, mitovitory*, ridralava ny zavatra lazain' ity boky ity. La—des opinions. Ny *tsy fitoviana*, ny *hasamihafan'* ny hevitry ny olona. Il y a de la — dans ce parterre. Maro ny *karazan*-javatra amin' io kisahasaha io. Cette fleur a beaucoup de variétés. Maro *karazana* itony voninkazo itony. Variétés littéraires. Boky nanangonana laha-teny *samihafa*.

VARIOLE. *sf*. Nendra.

VARIOLEUX, EUSE, *adj*. Momba ny nendra.

VARIOLIQUE, *adj*. Momba ny nendra. Éruptions varioliques. Forofo *nendra*.

VARIQUEUX, EUSE, *adj* Momba ny filandronan-dra amy ny hoza-dra. Tumeur variqueuse. Fivontosana *amy ny hoza-dra*.

VARLOPE, *sf*. Vankona. varlopy.

VASE, *sf*. Fotaka mandrevo any anaty rano, dilatra.

VASE, *sm*. Kapoaka, fitoeran-javatra. — sacré. *Kapoaka* masina. — pour mettre des fleurs. *Fitoeram*-boninkazo.

VASEUX, EUSE, *adj*. Misy fotaka mandrevo, misy dilatra.

VASSAL, ALE, *s*. Andrian-tompo-menakely fehezin' andrian-tompo-menakely hafa.

VASSELAGE, *sm*. Toetry ny *vassal*.

VASTE, *adj*. 1° Lehibe, malalaka. Un —palais. Lapa *lehibe*, etc. —campagne. Saha *lehibe*. etc. 2° *fig*. Lehibe, betsaka. Il a formé de vastes projets. Nikasa hanao zavatra *lehibe*, etc., izy. C'est un esprit —. Mahay zavatra *betsaka* izy, malavita zavatra *lehibe* izy.

VATICAN, *sm*. Lapa itoeran' ny papa.

VAU-L'EAU (À), *loc adv*. Any ava. Voy. Aval.

VAURIEN, *sm*. Olon-tsy vanona, olon-tsy vanon-ko inona, karin' olona, karilahy.

VAUTOUR, *sm*. 1° Karazam-borona hoatra ny papango. 2° *fig*. Olona masiaka.

VAUTRER (SE), *vpr*. 1° Mitsilailay, mitsinkasinkasina, mihosinkosina. Le cochon se vautre dans la fange. Ny kisoa *mitsilailay*, etc., ao anatin' ny fotaka. Se — sur l'herbe. *Mitsilailay, mitsinkasinkasina* eny ambony ahitra. 2° *fig*. Mihosinkosina. Se—dans la débauche. *Mihosinkosina* anatin' ny fitondran-tena ratsy.

VEAU, *sm*. 1° Zanak' omby. Acheter un —. Mividy *zanak' omby*. 2° —. Henan-janak' omby. Manger du —. Homana *henan-janak' omby*. 3° —, Hodi-janak' omby. Livre relié en —. Boky voafono *hodi-janak' omby*. 4° *fig*. Adorer le — d'or. Manompotompo ny lehibe na ny mpanan-karena. Pleurer comme un —. Manao tany maty, manao ranomaso havozona.

VEDETTE, *sf*. Tily mitaingin-tsoavaly. Être en —. *Mitily*.

VÉGÉTABLE, *adj*. Maniry, mety maniry.

VÉGÉTAL, ALE, *adj*. 1° Momba ny zava-maniry, avy amy ny zava-maniry. 2° —. Azo volen-javatra. Terre végétale Tany *azo volen-javatra*.

—, *sm*. Zava-maniry.

VÉGÉTANT, ANTE, *adj*. Maniry

VÉGÉTATIF, IVE, *adj*. 1° Mampaniry. Principe —. Fotótra *mampaniry*. 2°—. Maniry. Être —. Zava-*maniry*.

VÉGÉTATION, *sf*. 1° Faniriana. 2°—, Ny zava-maniry.

VÉGÉTER, *vn*. 1° Maniry. Pour les plantes, — c'est vivre. Ny *faniriana* no ainan' ny zava-maniry. 2° *fig*. Velondratsy. mipetra poana hoatra ny lamban' ny mpiasa. Ne faire que — *Velondratsy*, etc.

VÉHÉMENCE, *sf*. Hamafy, firehidrehitra, hafanana, hafanam-po.

VÉHÉMENT, ENTE, *adj*. Mafy, mirehidrehitra, mafanafana, misy hafanam-po, mafana fo. Colère véhémente. Hatezerana *mafy*. Discours —. Laha-teny *mafy, mirehidrehitra. mafanafana, misy hafanam-po*. Orateur —. Mpandaha-teny *mirehidrehitra, mafana fo*.

VÉHICULE, *sm*. 1° Kalesy. 2°—, Zavatra anditanana. L'air est le — du son.

Ny rivotra no *andehanan'* ny feo. 3° *fig.* Fanomanana. Cette espérance servira de — à ma proposition. Izany fanautenana izany *hanomana* azy hanaiky ny hevitro.

VEILLE, *sf.* 1° Fiaretan-tory. Les veilles continuelles l'ont abattu. Ny *fiaretan-tory* lalandava nandreraka azy. 2° —, Andro mialoha. La — de Noël. Ny *andro mialoha* ny Noely. 3° *fig.* Hasasarana. C'est le fruit de ses veilles. Vokatry ny *hasasarany* izany. ‖ *loc.* Être à la — de... Efa ho... Il est à la — de sa ruine. *Efa ho* lany harena izy.

VEILLÉE, *sf.* 1° Fiaretan-tory ataon' ny olona maromaro. 2°—, Fiaretan-tory ataon' ny olona amy ny marary.

VEILLER, *vn.* 1° Miari-tory. J'ai veillé toute la nuit. *Niari-tory* nandritra ny alina aho. 2°—, Tsy matory. Soit que je dorme, soit que je veille. Na matory aho na *tsy matory.* 3° *fig.* Mitandrina, miambina. Il faut — à cela. Tokony *hotandremana* izany. — sur soi-même. *Mitandrin*-tena, *miambin*-tena.

—, *va.* Miari-tory — un malade. *Miari-tory* amy ny marary.

VEILLEUR, *sm.* Mpiari-tory, mpiandry faty, mpiambina amy ny alina.

VEILLEUSE, *sf.* 1° Jiro tsy maty. 2° —, Lahin-jiro tsy maty.

VEINE, *sf.* 1° Hoza-dra, vena. 2°—, Zavatra mitanjozotra any anatin' ny tany, hozatra, fisoratsoratra. — d'or Volamena *mitanjozotra any anatin' ny tany.* — d'eau. Rano kely *mitanjozotra any anatin' ny tany.* Le palissandre a de belles veines. Mahafinaritra ny *hozatry* ny voamboana. 3° *fig.* Il n'a point de sang dans les veines. Tsy manan-kerimpo velively izy. Tant que le sang coulera dans mes veines. Raha mbola velona koa ny aiko. Il est en —. Mizotra erý ny sainy. Il est tombé sur une bonne —. Nambinina izy.

VEINÉ, ÉE, *adj.* Hozatina, misoratsoratra. Bois —. Hazo *hozatina.* Marbre —. Marba *misoratsoratra.*

VEINER, *va.* Manisy hozatrozatra, manisy soratsoratra.

VEINEUX, EUSE, *adj.* 1° Momba ny hoza-dra. Le sang —. Ny ra ao *amy ny hoza-dra.* 2°—, Hozatina. Bois —. Hazo *hozatina.*

VEINULE, *sf.* Hoza-dra madinika.

VÊLER, *vn.* (Ombivavy) miteraka. La vache vient de—. *Tera*-bao ny ombivavy.

VÉLIN, *sm.* Hodi-janak' omby manify voavoatra tsara. Reliure en —. Fonomboky vita amy ny *hodi-janak' omby manify voavoatra tsara.*

VELLÉITÉ, *sf.* Fikasana fotsiny, fiheverana fotsiny. Il eut la — de me suivre. *Nikasa, nihevitra fotsiny* hanaraka ahy izy.

VÉLOCIPÈDE, *sm.* Kalesy kely ampandehanin-tongotra.

VÉLOCITÉ, *sf.* Hafainganana.

VELOURS, *sm.* Lamba volory.

VELOUTÉ, ÉE, *adj.* 1° Miravaka lamba volory, manahaka ny lamba volory. Étoffe veloutée. Lamba *miravaka lamba volory.* Papier —. Taratasy *manahaka ny lamba volory.* 2°—, Volovoloina hoatra ny lamba volory. Fleur veloutée. Voninkazo *volovoloina hoatra ny lamba volory.*

—, *sm.* 1° Galona manahaka ny lamba volory. 2°—, Volon-javatra manahaka ny lamba volory.

VELU, UE, *adj.* Volovoloina, misy lay. Il a les jambes velues. *Volovoloina* ny ranjony, be *volon*-dranjo izy. Feuilles velues. Ravin-kazo *volovoloina,* etc.

VENAISON, *sf.* Henan-dambo, henan-tserfa, etc.

VÉNAL, ALE, *adj.* 1° Azom-bola. Emploi —. Raharaha *azom-bola.* 2° *fig.* Azon-tambim-bola, azom-bola. Orateur —. Mpandaha-teny *azon-tambim-bola,* etc.

VÉNALEMENT, *adv.* Azom-bola.

VÉNALITÉ, *sf.* Fahazoana ho vidimbola, — ho tambazam-bola.

VENANT, *sm.* Les allants et les venants. Ny mpandalo. À tout —. Na iza na iza. Il répond à tout —. Valiana avokoa *na iza na iza.*

VENDABLE, *adj.* Azo amidy, fivarotra.

VENDANGE, *sf.* 1° Fiotazam-boaloboka. 2°—, *pl.* Taona fiotazam-boaloboka, fararanom-boaloboka.

VENDANGER, *va.* Mioty voaloboka.

VENDANGEUR, EUSE, *s.* Mpioty voaloboka.

VENDEUR, VENDERESSE, *s.* Mpivarotra.

VENDEUR, EUSE, *s.* Mpivarotra. Vendeuse de fruits. Vehivavy *mpivarotra* boankazo.

VENDRE, *va.* 1° Mivarotra, amidy. J'ai

vendu ma maison. *Nivarotra* ny tranoko aho, *namidiko* ny tranoko. — du drap. *Mivarotra* lopótra. Cheval à —. Soavaly *amidy*. 2° *fig*. —sa patrie. Mamadika ny tanin-drazany noho ny vola. — bien cher sa vie. Mahafaty fahavalo betsaka vao maty, milofo. — son honneur. Manakalo vola ny voninahiny.

Se vendre, *vpr*. 1° Lafo. Le vin se vend cher. *Lafo* be ny divay. 2° *fig*. Mivarotena, azon-tambim-bola, azom-bola. Se — à un parti. Miandany amin' olona noho ny *vola*.

VENDREDI, *sm*. Zomà.

VENDU, UE, *p*. et *adj*. 1° Namidy, lafo. 2° *fig*. Azon-tambim-bola. C'est un homme —. Lehilahy *azon-tambim-bola* izy.

VÉNÉNEUX, EUSE, *adj*. (Zava-maniry) misy poizina. Champignon —. Holatra *misy poizina*.

VÉNÉRABLE, *adj*. Mendrika hohajaina. Vieillard —. Lahiantitra *mendrika hohajaina*.

VÉNÉRATION, *sf*. Fanajana. Il mérite la — de tout le monde. Mendrika *hohajain'* ny olona rehetra izy.

VÉNÉRER, *va*. Manaja. — les saints. *Manaja* ny olo-masina.

VÉNERIE, *sf*. Fampihazana alika.

VENETTE, *sf*. Tahotra. Avoir la —. *Matahotra*.

VENEUR, *sm*. Mpampihaza alika.

VENGEANCE, *sf*. 1° Famaliana, valy, famaliana ratsy. Le sang des innocents crie —. Miantso *valy* ny ran' ny tsy manan-tsiny. 2°—. Faniriana ta-hamaly ratsy. Il a toujours la—dans le cœur. *Tahamaly ratsy* mandrakariva ao am-pony izy.

VENGER, *va*. Mamaly, mamaly ny ratsy ataon' olona. Il vengea la mort de son père. *Namaly* ny namonoana andrainy izy. Il vengea son ami. *Namaly ny ratsy natao* tamy ny sakaizany izy.

Se venger, *vpr*. Mamaly, mamaly ratsy. Il s'est vengé de son ennemi. *Novaliany, novaliany ratsy* ny fahavalony. Je m'en vengerai. *Hovaliako, hovaliako ratsy* izany.

VENGEUR, VENGERESSE, *s*. Mpamaly, mpamaly ny ratsy ataon' olona. Dieu est le — des crimes. Andriamanitra no *mpamaly* ny heloky ny olona. Il est le — des innocents. Izy no *mpamaly ny ratsy atao* amy ny tsy manan-tsiny.

—, *adj*. Mamaly, mamaly ny ratsy ataon' olona.

VÉNIEL, ELLE, *adj*. Madinika. Péché —. Fahotana *madinika*.

VÉNIELLEMENT, *adv*. Madinika. Pécher —. Manao fahotana *madinika*.

VENIMEUX, EUSE, *adj*. 1° (Biby) misy poizina. Le scorpion est —. *Misy poizina* ny maingoka. 2° *fig*. C'est une langue venimeuse. Olona tia fosa, mpanaratsy olona izy.

VENIN, *sm*. 1° Poizina avy amy ny biby. Le — du scorpion. Ny *poizina avy amy ny* maingoka. 2°—, Poizin' ny aretina mifindra. Comme Virus. 3° *fig*. Lolom-po, hasomparana, haratsiana. C'est un homme sans —. Lehilahy tsy manao an-*dolom-po*, tsy *sompatra* izy. Il a jeté tout son —. Namokatra ny *lolom-pony* izy. Le — de la calomnie. Ny *haratsian'* ny endrikendrika.

VENIR, *vn*. 1° Avy, tonga, tamy, mingodona. Le voilà qui vient. Indro *avy*, etc., izy. Il viendra demain. Ho *avy*, ho *tonga* izy rahampitso. D'où venez-vous? *Avy* taiza hianao? Je viens de la promenade. *Avy* nitsangantsangana aho. Le vent vient du nord. *Avy* avaratra ny rivotra. Il me vient une idée. Misy hevitra anankiray *tonga* ato an-tsaiko. Le mal vient sans qu'on y pense. *Avy, tonga* tsy ampoizina, tsy re *mingodona* ny fahoriana. Cette terre lui vient de son aïeul. *Avy* tamin-draibeny io tany io. Cette maladie lui vient de sa mère. *Avy* tamin-dreniny izany aretina izany. Il vient d'une bonne famille. *Avy* tamy ny fianakaviana tsara izy. Ce mot vient du grec. *Avy* amy ny teny grika izany teny izany. 2°—, Mandimby, manaraka. Le jour vient après la nuit. Ny andro *mandimby*, etc., ny alina. 3°—, Mahazo, mahatratra, misy. Il lui vint une grosse fièvre. *Azo, tratry* ny tazo mafy izy. Il vint une tempête. *Nisy* tafio-drivotra. 4°—, Maniry, misondrotra. Ces plantes viennent dans les marais. *Maniry* eny anaty heniheny iroo zava-maniry ireo. Cet arbre vient bien. *Maniry* tsara ity hazo ity. Les eaux viennent jusqu'au jardin. *Misondrotra* hatreny amy ny zaraay ny rano. ‖ *loc*. Il a fait — le médecin. Nanafatra, nampaka dokotera izy. Faire — une voiture. Manafatra ka-

lesy. Il vient de sortir. Vao nivoaka izy. On en vint aux mains avec les ennemis. Rafitra ny ady tamy ny fahavalo tamin' izay. Il en vint aux menaces. Nandrahona izy tamin' izay. C'est là que j'en voulais—. Izany no no'endreko. — au monde. Teraka. — à bout de ses desseins. Manatanteraka fikasana. — à bout de ses ennemis. Maharesy ny fahava'ony. S'il venait à mourir. Raha tahiny maty izy.

À venir, *loc. adv.* Ho avy. Le temps à —. Ny andro *ho avy.*

VENT, *sm.* 1° Rivotra. Il fait grand —. *Mandrivotra* mafy. Il va comme le —. Sabala amy ny *rivotra, mandrivotra* ny fandehany. Ce vaisseau flotte au gré du —. Avezivezin' ny *rivotra* io sambo io. Avoir — debout. Tohain' ny *rivotra.* Avoir — arrière. Atosiky ny *rivotra.* Faire du — avec un éventail. Mamelon*drivotra* amy ny fikopaka. Instruments à —. Zava-maneno ampanenoin' ny *rivotra,* zava-maneno tsofina. Avoir des vents. Mivalan-*drivotra.* 2° *fig.* Tourner à tout —. Mivadibadika. J'ai eu — de son projet. Reko nisompirana ny nokasainy hatao. Porter le nez au —. Miandranandrana, milanja orona.

VENTE, *sf.* Fivarotana. Contrat de —. Fanekem-*pivarotana.* Faire la — d'une terre. *Mivarotra* tany anankiray. ‖ *loc* En —. Amidy. Ce livre est en —. *Amidy* io boky io.

VENTER, *vn.* Mandrivotra.

VENTEUX, EUSE, *adj.* 1° Be rivotra. Saison venteuse. Taona *be rivotra.* 2°—, Mampivalan-drivotra.

VENTILATEUR, *sm.* Zavatra fampidiran-drivotra, zavatra fameloman-drivotra.

VENTILATION, *sf.* Fampidiran-drivotra.

VENTILER, *va.* Mampidi-drivotra, mamelon-drivotra.

VENTOUSE, *sf.* Tandroka fanandrohana. Appliquer des ventouses. *Manandroka.*

VENTOUSER, *va.* Manandroka.

VENTRE, *sm.* Kibo. Ils se font un dieu de leur —. Manao ny *kibony* ho andriamanitra izy ireo. Le — d'une bouteille. Ny *kibon*-tavoahangy. ‖ *loc.* Se coucher sur le —. Manankohoka. Ce cheval va — à terre. Miriotra mafy dia mafy io soavaly io. Cette muraille fait —. Mivohitra io ampiantany io.

VENTRÉE, *sf.* Zana-biby indray miteraka. Voy. PORTÉE.

VENTRIÈRE, *sf.* Fehikibon-tsoavaly.

VENTRILOQUE, *sm.* Olona manao feo hoatra ny feo avy any an-kibo.

VENTRU, UE, *adj.* et *s.* Be kibo, kiboina, be troka, be roroha, be kodiarana, kibotaina, kitataina, sinisinina (les deux derniers mots ne se disent que des enfants).

VENU, UE, *adj.* Tonga. Cet homme est nouveau—. Vao *tonga* io lehilahy io. Le premier—. Ny *tonga* voalohany; *fig.* na iza na iza. Bien—. Comme BIENVENU.

VENUE, *sf.* 1° Fahatongavana. La — de Messie. Ny *nahatongavan'* ny Mesia. Allées et venues. Voy. ALLÉE. 2°—, Faniry, fitsoroaka, fitezotezo. Cet arbre est d'une belle—. Tsara *faniry. mitsoroaka* io hazo io. Ce jeune homme est tout d'une—. *Mitezotezo,* jaobe, jangoranga io tovolahy io.

VÉNUS, *sf.* Fitarika ändro,

VÊPRES, *sf. pl.* Vepra.

VER, *sm.* 1° Kankana, olitra, fositra, bibin-dandy, sakoitra, angamenavava. — de terre. *Kankan*-tany, *kakan*-doróka. Les enfants sont sujets aux vers. *Kankanina* ny ankizy madinika. Vers qui se mettent à la viande. *Oli* kena. Vers qui rongent le bois. *Fositra.* — à soie. *Bibin-dandy.* — à soie européen. *Bibin-dandi*kely. —solitaire. *Sakoitra.* — luisant. *Angamenavava.* 2° *fig.* Le — rongeur. Ny nenina.

VÉRACITÉ, *sf.* Fitiavana ny marina.

VERBAL, ALE, *adj.* 1° Avy amy ny verba. Adjectifs verbaux. Adjektiva *avy amy ny verba.* 2°—, Am-bava. Ordre —. Didy *am-bava.*

VERBALEMENT, *adv.* Am-bava.

VERBALISER, *vn.* Mandatsaka antsoratra ny zavatra hita na re.

VERBE, *sm.* 1° Verba. 2°—, Feo, fiteny, teny. Il a le — haut Avo *feo, fiteny* izy. Le — incarné. Ny *Teny* tonga nofo.

VERBEUX, EUSE, *adj.* Lavareny, manao teny lavareny. Comme PROLIXE.

VERBIAGE, *sm.* Teny lavareny.

VERBIAGER, *vn.* Manao teny lavareny.

VERBOSITÉ, *sf.* Hamaroan-teny foana, fanaovana teny lavareny.

VERDÂTRE, *adj.* Somary maitso.

VERDELET, ETTE, *adj.* 1° Marima-

rikivy. Vin —. Divay *marimarikivy*. 2° *fig*. Matanjatanjaka. Vieillard —. Lahiantitra *matanjatanjaka*.

VERDEUR, *sf*. 1° Hamaitso. Ce bois a encore de la —. Mbola *maitso* ity hazo ity. 2°—, Harikivy. Ce vin a encore de la —. Mbola *marikivy* io divay io. 3° *fig*. Hatanjahana, hamafy. Il était alors dans sa —. *Natanjaka* izy tamin' izay.

VERDICT, *sm*. Teny fitsarana avoaky ny *jury*.

VERDIR, *va*. Manamaitso. —une porte *Manamaitso* varavarana.

—, *vn*. 1° Mihamaitso. Tout commence à —. *Mihamaitso* ny zavatra rehetra. 2°—, Mangery maitso. Ce cuivre verdit. *Mangery maitso* io varahina io.

VERDOYANT, ANTE, *adj*. Mihamaitso. Les arbres verdoyants. Ny hazo *mihamaitso*.

VERDOYER, *vn*. Mihamaitso.

VERDURE, *sf*. 1° Hamaitso. La — des bois. Ny *hamaitson'* ny ala. 2°—, Ahimaitso, anana. Se coucher sur la —. Mandriandry eny ambony *ahi-maitso*. Manger de la —. Homana *anana*.

VÉREUX, EUSE, *adj*. 1° Misy olitra. Fruit —. Voankazo *misy olitra*. 2° *fig*. Mahamenatra. Il y a quelque chose de — dans cette affaire. Misy zavatra *mahamenatra* amin' izany raharaha izany.

VERGE, *sf*. 1° Tehina, tsora-kazo, rotsakazo. La — de Moïse. Ny *tehiny* Moizy. Il n'avait qu'une—à la main. Tsy nisy afa-tsy *tsora-kazo*. *rotsa-kazo* anankiray monja teny an-tánany. —de fer. *Tsora*-by. On l'a battu à coups de verges. Nokapohina tamy ny *tsora-kazo*, *rotsakazo* izy. 2° *fig*. Fitondrana mafy, kapok' Andriamanitra. Ce prince gouverne ses peuples avec une — de fer. *Mafy* ny *itondran'* izany mpanjaka izany ny vahoakany. Les verges de la colère de Dieu. Ny *kapoka* avy amy ny hatezeran' *Andriamanitra*.

VERGÉ, ÉE, *adj*. Mitsipitsipika, misy tsipitsipika. Papier—. Taratasy *mitsipitsipika*, etc.

VERGER, *sm*. Saha be hazo mamoa.

VERGEURE, *sf*. 1° Tariby annovana tsipitsipika amy ny taratasy raha aidina 2°—, Tsipitsipika vita amy ny taratasy fony naidina.

VERGLAS, *sm*. Fanala.

VERGOGNE, *sf*. Henatra. Il est sans —. Tsy manan-*henatra*, tsy mahalala *menatra* izy.

VERGUE, *sf*. Sakan-tsalazan-tsambo fihantonan-day.

VÉRIDICITÉ, *sf*. Hamarinana.

VÉRIDIQUE, *adj*. Mpilaza marina, marina. Témoin —. Vavolombelona *mpilaza marina*, etc. Histoire —. Tantara *marina*.

VÉRIFICATEUR, *sm*. Mpamotopotootra ny fahamarinan-javatra. —des douanes *Mpamotopototra ny fahamarinan-javatra* momba ny ladoany.

VÉRIFICATION, *sf*. Famotopotorana ny fahamarinan-javatra, fanamarinana.

VÉRIFIER, *va*. Mamotopototra ny fahamarinan-javatra, manamarina. —un calcul. *Mamotopototra ny fahamarinan'* ny marika anankiray. —des signatures. *Mamotopototra ny fahamarinan'* ny sonia maromaro. L'événement a vérifié sa prédiction. Ny zavatra niseho *nanamarina* ny faminaniana nataony.

Se vérifier, *vpr*. Fotopotorana, hamarinina, tanteraka. Votre prédiction s'est vérifiée. *Tanteraka* ny faminaniana nataonao.

VÉRITABLE, *adj*. Marina, tokoa, mihitsy, tena. Relation —. Tantara *marina*. Vous m'avez fait une — peine. Nampalahelo ahy *tokoa*, *mihitsy* hianao. De véritables pierreries. *Tena* vatosoa. Un — orateur. *Tena* mpandaha-teny.

VÉRITABLEMENT, *adv*. Araka ny marina, marimarina, tokoa, mihitsy. Je suis — contrarié. Sahirana *tokoa*, *mihitsy* aho.

VÉRITÉ, *sf*. Ny marina, fahamarinana. Dites la —. Lazao *ny marina*. Il n'y a que la — qui offense. Tsy misy afa-tsy *ny marina* hiany no mahatezitra. Dieu est la — même. Andriamanitra no tena *fahamarinana*. Les défenseurs de la —. Ny mpiaro *ny marina*. 2°—, Zavatra marina, foto-kevitra miharihary. C'est une — reconnue de tout le monde. *Zavatra marina*, etc., eken' ny olona rehetra izany.

En vérité, *loc. adv*. Marimarina, tokoa, mihitsy. Je vous le dis en —. Milaza aminao *marimarina*, etc., aho. Cela est, en —, fort étrange. Mahagaga *tokoa*, *mihitsy* izany.

À la vérité, *loc. adv*. Marina. À la — je l'ai frappé, mais il m'a provoqué. *Marina* fa namely azy aho, fa nihatsihatsy ahy izy.

VERJUS, *sm*. 1° Ranom-boaloboka man-

ta, voaloboka manta. 2°—, Divay marikivy.

VERJUTÉ, ÉE, *adj.* Nasiana ranomboaloboka manta, marikivy.

VERMEIL, EILLE, *adj.* Menamena. Lèvres vermeilles. Molotra *menamena.*

VERMEIL, *sm.* Volafotsy ankoso-bolamena.

VERMICELLE, *sm.* Varmisela.

VERMIFUGE, *adj.* et *sm.* Ody kankana.

VERMILLON, *sm.* 1° Mineraly mena mivaivay, loko mena mivaivay avy amin' izany mineraly izany. 2° *fig.* Hamenamena. Le — de ses lèvres. Ny *hamenamenan'* ny molony.

VERMILLONNER, *va.* Manosotra *vermillon.*

VERMINE, *sf.* 1° Biby kely toy ny hao, kongona, parasy, etc. Cet enfant est plein de —. Be *hao* ity zaza ity. 2° *fig.* Olona tsy vanona, karin' olona.

VERMINEUX, EUSE, *adj.* Avy amy ny kankana. Fièvre vermineuse. Tazo *avy amy ny kankana.*

VERMISSEAU, *sm.* Kankan-tany madinika, kankana ianjonoana.

VERMOULER (SE), *vpr.* Lanim-positra, mihavovohina. Le bois commence à se —. *Lanim-positra,* etc., sahady ny hazo.

VERMOULU, UE, *adj.* Lanim-positra, vovohina. Bois —. Hazo *lanim-positra,* etc.

VERMOULURE, *sf.* Ny lanin-positra, vovoky ny hazo vovohina.

VERMOUT, *sm.* Vermoty.

VERNI, IE, *p.* et *adj.* Voahosotra varinesy, nohosorana varinesy, mihosotra varinesy, vernia. Souliers vernis. Kiraro *vernia.*

VERNIR, *va.* Manosotra varinesy, — vernia. — une table. *Manosotra varinesy* latabatra.

VERNIS, *sm.* 1° Varinesy, vernia. 2° *fig.* Il couvre ses défauts d'un — de politesse. Ny fahalalany fomba no manarona ny kilemany. Il a un — de science. Kelikely hiany ny fahaizany.

VERNISSAGE, *sm.* Fanosorana varinesy.

VERNISSER, *va.* Manosotra varinesy bakoly.

VERNISSEUR, *sm.* Mpanao varinesy, mpanosotra varinesy.

VERNISSURE, *sf.* Fanosorana varinesy.

VERRAT, *sm.* Kisoalahy.

VERRE, *sm.* 1° Fitaratra. Fondre le —. Manempo *fitaratra.* — de lunette. *Fitaratry* ny masolavitra. Mettre des verres à une fenêtre. Mametaka *fitaratra* amy ny varavaran-kely. 2°—, Giloby. Un — de montre. *Gilobim*-pamantaranandro. 3°—, Gilasy, vera, eran' ny gilasy. — à patte. *Gilasy* manan-tongotra. Choquer le —. Mandom-*bera,* manao dom-*bera.* Boire un — de vin. Misotro divay *eran' ny gilasy.*

VERRERIE, *sf.* 1° Trano fanaovam-pitaratra. 2°—, Fahaizana manao fitaratra. 3°—, Taozavatra vita amy ny fitaratra.

VERRIER, *sm.* Mpanao na mpivarotra fitaratra na taozavatra vita amy ny fitaratra.

—, *adj.* Peintre—. Mpanoso-doko fitaratra.

VERROTERIE, *sf.* Taozavatra madinika toy ny vakana, ny voan-tsapile, etc., natao tamy ny fitaratra.

VERROU, *sm.* Karetsaka vaventy.

VERROUILLER, *va.* Manidy amy ny karetsaka.

Se verrouiller, *vpr.* Mihidy trano amy ny karetsaka.

VERRUE, *sf.* Votsy.

VERS, *sm.* Andalan-tonon-kira. Il fait bien les —. Mandrindra tsara ny *andalan-tonon-kira* izy. —blancs. *Andalan-tonon-kira* tsy mitovy feo amy ny fara soratra. —libres. *Andalan-tonon-kira* tsy mitovy halava.

VERS, *prép.* 1° Amy. Tournez-vous — moi. Mitodiha aty *amiko* hianao. Se diriger—. Voy. SE DIRIGER. 2°—, Tokony ho, sahabo ho. — les quatre heures. *Tokony ho,* etc., amy ny efatra.

VERSANT, ANTE, *adj.* Mora miongana, mora mianjera.

VERSANT, *sm.* Kisolosolo. Le — des Alpes. Ny *kisolosolony* Alpa.

VERSATILE, *adj.* Miovaova.

VERSATILITÉ, *sf.* Fiovaovana. Il a beaucoup de — dans ses opinions. *Miovaova* hevitra be hiany izy.

VERSE (À), *loc. adv.* Il pleut à —. Mivatravatra ny ranonorana.

VERSÉ, ÉE, *adj.* Mahay. Il est — dans les affaires. *Mahay* mitondra raharaha izy.

VERSEMENT, *sm.* Fametraham-bola ao anaty lalomoara vy.

VERSER, *va.* Manidina, mampidina, mandrotsaka, mandatsaka, mametraka.

— du vin dans un verre. *Manidina, mampidina* divay ao anaty gilasy. — du blé dans un sac. *Mampidina, mandrotsaka* varim-bazaha ao anaty lasaka. — des larmes. *Mandrotsa*-dranomaso. Il a versé son sang pour la patrie. *Nandatsaka* ny rany ho any ny tanin-drazany izy. — des fonds dans une affaire. *Mandatsaka, mametraka* vola hanaovan-draharaha anankiray. — des fonds dans une caisse. *Mametraka* vola ao anaty lalomoara vy.

—, *vn.* Miongana, mianjera. La voiture a versé. *Niongana*, etc., ny kalesy.

VERSET, *sm.* Andininy.

VERSIFICATEUR, *sm.* Mpanao andalan-tonon-kira.

VERSIFICATION, *sf.* Fanaovana andalan-tonon-kira.

VERSIFIER, *va.* Manao andalan-tonon-kira.

VERSION, *sf.* 1° Fandikana teny amy ny boky, dikan-teny avy amy ny boky. Faire une — latine. *Mandika teny* latina. La — de la Bible. Ny *dikan'* ny Soratra Masina. 2° —, Filaza. Il y a plusieurs versions sur ce fait. Misy *filaza* maro momba izany zavatra niseho izany.

VERSO, *sm.* Ny ambadiky ny takela-taratasy iray.

VERT, VERTE, *adj.* 1° Maitso. Un habit —. Akanjo *maitso.* L'osier — est flexible. Mora alelitra ny tsimbilaotra *maitso.* 2° —, Lena, manta, tanora, tsy miotrika. Ce bois ne brûlera pas, il est bien —. Tsy hety hirehitra io hazo io, fa *lena* loatra. Ces raisins sont trop verts. *Manta* loatra ireto voaloboka ireto. Pois verts. Pitipoa *tanora.* Vin —. Divay tsy mbola *niotrika.* 3° *fig.* Matanjaka, mafy. Vieillard encore —. Lahiantitra mbola *matanjaka.* Une verte réprimande. Levilevy *mafy.*

—, *sm.* 1° Ny maitso. Le — réjouit la vue. *Ny maitso* mahafinaritra ny maso. 2° —, Vilo-maitso. Mettre un cheval au —. Manatitra soavaly amy ny *vilo-maitso.* 3° —, Harikivy. Ce vin a du —. *Marikivy* io divay io.

VERT-DE-GRIS, *sm.* Taim-barahina. Le — est un poison. Poizina ny *taim-barahina.*

VERTÉBRAL, ALE, *adj.* Momba ny taolan' ny hazon-damosina. Colonne vertébrale. *Hazon-damosina.*

VERTÈBRE, *sf.* Taolan' ny hazon-damosina, taolam-bozona, marozandry. Les vertèbres du cou. Ny *taolam-bozona.* Vertèbres dorsales supérieures. *Marozandry.*

VERTÉBRÉ, ÉE, *adj.* Manana hazon-damosina.

—, *sm. pl.* Ny biby manana hazon-lamosina.

VERTEMENT, *adv.* Mafy. Réprimander —. Mandevilevy *mafy.*

VERTICAL, ALE, *adj.* Mijoro, mijidina, mijaridina, mijajirika, mijadona, manampona. Ligne verticale. Tsipika *mijoro.* Le soleil darde ses rayons verticaux. *Manampona* ny masoandro. Voy. PERPENDICULAIRE.

—, *sf.* Tsipika mijoro.

VERTICALEMENT, *adv.* Mijoro, etc.

VERTIGE, *sm.* 1° Hafaninana. Il a des vertiges. *Fanina* izy. 2° *fig.* Fahaverezan-kevitra, fahaverezan-tsaina. Une sorte de — s'empara de lui. Hoatra ny olona *very hevitra, very saina* izy tamin' izay.

VERTIGINEUX, EUSE, *adj.* Mahafanina.

VERTU, *sf.* 1° Hatsaram-panahy. C'est un homme de grande —. Be *hatsaram-panahy* io lehilahy io. La — d'humilité. Ny *hatsaram-panahy* atao hoe fanetren-tena. 2° —, Fahadiovam-po, herim-po. Elle a conservé sa —. Nitahiry ny *hadioram-pony* izy. Faire de nécessité —. Manao amin-*herim-po* ny zavatra tsy maintsy hatao. 3° —, Hasina, hery. Un remède sans —. Fanafody tsy misy *hasina, hery.* 4° —, Ny tsara fanahy. Récompenser la —. Mamaly soa *ny tsara fanahy.*

En vertu de, *loc. prép.* Noho. En — d'un arrêt. *Noho* ny didy anankiray.

VERTUEUSEMENT, *adv.* Amin-katsaram-panahy, amin-kadiovam-po.

VERTUEUX, EUSE, *adj.* 1° Tsara fanahy, madio fo. Homme —. Lehilahy *tsara fanahy.* Femme vertueuse. Vehivavy *tsara fanahy*, etc. 2° —, Mampiseho hatsaram-panahy. Action vertueuse. Asa soa *mampiseho hatsaram-panahy.*

VERVE, *sf.* Hafanam-po, firehidrehitra. Ce poëte a de la —. *Mafana fo, mirehidrehitra* izany mpanao tonon-kira izany.

VERVEINE, *sf.* Karazam-boninkazo.

VÉSICAL, ALE, *adj.* Amy ny tatavia.

VÉSICANT, ANTE, *adj.* et *sm. pl.* Mampiempaka.
VÉSICATION, *sf.* Fanempahana.
VÉSICATOIRE, *sm.* Bilistra, fanempahana.
VÉSICULE, *sf.* Mibontsina, mipoaka.
VESOU, *sm.* Ranom-pary.
VESSE, *sf.* Maty an-tsaláka, rivotra.
VESSER, *vn.* Manao maty an-tsaláka, mivalan-drivotra.
VESSIE, *sf.* 1° Tatavia. 2°—. Mibontsina, mipoaka.
VESTE, *sf.* Karazan' akanjo mitovitovy amy ny palitao.
VESTIAIRE, *sm.* Efi-trano fitahirizana akanjo.
VESTIBULE, *sm.* Efi-trano fidirana.
VESTIGE, *sm.* 1° Dia. Je vois des vestiges d'homme. Mahita *dian'* olona aho. 2° *fig.* Sisa. Il ne reste aucun —de cette coutume. Tsy misy intsony ny *sisan'* izany fanao izany. Les vestiges d'un palais. Ny *sisa* tamy ny lapa anankiray.
VESTON, *sm.* Akanjo bory vody.
VÊTEMENT, *sm.* Fitafiana.
VÉTÉRAN, *sm.* Menavazana, maintimolaly.
VÉTÉRINAIRE, *adj.* Momba ny fitsaboam-biby. Art —. Fahaizana *momba ny fitsaboam-biby.*
—, *sm.* Dokotera mpitsabo biby.
VÉTILLE, *sf.* Zavatra tsinontsinona. S'amuser à des vétilles. Milalao amy ny *zavatra tsinontsinona.*
VÉTILLER, *vn.* Milalao amy ny zavatra tsinontsinona, miady hevitra foana.
VÉTILLEUR, EUSE, *s.* Mpilalao amy ny zavatra tsinontsinona, mpiady hevitra foana.
VÉTILLEUX, EUSE, *adj.* 1° Be kanonkanona. Travail—. Lahasa *be kanonkanona.* 2°—, Milalao amy ny zavatra tsinontsinona. miady hevitra foana.
VÊTIR, *va.* 1° Manafy. —les pauvres. *Manafy* ny mahantra. 2°—, Miakanjo. —sa robe. *Miakanjo* ny zipony.
Se vêtir, *vpr.* Miakanjo, mitafy, manao fitafiana. Il est longtemps à se —. Maharitra ela ny *fiakanjoany.* Se — à la française. *Manao fitafiam*-prantsay. Voy. S'HABILLER.
VÉTIVER, *sm.* Karazan-java-maniry mitovitovy amy ny veromanitra.
VETO, *sm.* 1° Fisakanana ny lalána atao n'ny parlementa. En Angleterre, le roi a le droit de—. Any Englanda, ny mpanjaka mahazo *misakana ny lalána atao n' ny parlementa.* 2° *fig.* Fanoherana, fisakanana. J'y mets mon —. *Manohitra, misakana* izany aho.
VÊTU, UE, *adj.* Mitafy, manao fitafiana, miakanjo. Il est bien —. *Mitafy,* etc., tsara izy.
VÊTURE, *sf.* Fandraisana ny akanjondrelijiozy.
VÉTUSTÉ, *sf.* Fahelana, fahanterana. Cet arbre tombe de —. Mianjera noho ny *fahelany,* etc., io hazo io.
VEUF, VEUVE, *adj.* et *s.* 1° Maty vady, mpitondratena. Elle va épouser un —. Efa hanambady lehilahy *maty vady* izy. Dieu protège les veuves et les orphelins. Andriamanitra miaro ny *mpitondratena* sy ny kamboty. 2° *fig.* Tsy manana. Cette église est veuve de son évêque. *Tsy manana* eveka io trano leglizy io.
VEUVAGE, *sm.* Toetry ny maty vady, toetry ny mpitondratena.
VEXATION, *sf.* Fampahoriana, fahoriana.
VEXATOIRE, *adj.* Mampahory. Impôt —. Hetra *mampahory.*
VEXER, *va.* Mampahory. Il vexe tous ceux qui lui sont subordonnés. *Mampahory* izay rehetra fehezíny izy.
VIABILITÉ, *sf.* Fetezana ho velona.
VIABLE, *adj.* 1° Mety ho velona. L'enfant nouvellement né est —. *Mety ho velona* ny zaza kely vao teraka. 2°—, Azo aleha. Chemin —. Lálana *azo aleha.*
VIADUC, *sm.* Tetezan-dálana misy andohalambo maro.
VIAGER, ÈRE, *adj.* Raisina ambarapahafaty hiany. Rente viagère. Zanabo'a *raisina ambara-pahafaty hiany.*
—, *sm.* Zavatra raisina ambara-pahafaty hiany. Il a mis tout son bien en —. Nafoiny avokoa ny hareny rehetra mba *handraisany* zana-bola *ambara-pahafatiny hiany.*
VIANDE, *sf.* Hena, kitoza. —blanche. *Hen'* akoho, *henan*-janak' omby, etc. —noire. *Henan*-dambo, *henan*-tserfa, etc. —de boucherie. *Hen'* omby, *henan*-janak' omby, *hen'* ondry. —boucanée. *Kitoza.*
VIATIQUE, *sm.* Vatsy. Ce malade a reçu le saint —. Efa nandray ny *vatsy masina* io marary io.

VIBRANT, ANTE, *adj.* Mipararetra, mangovitra. Corde vibrante. Tady *mipararetra*, etc.
VIBRATION, *sf.* Fipararetra, fangovitra.
VIBRATOIRE, *adj.* Mipararetra, mangovitra. Mouvement —. *Fipararetra, fangovitra.*
VIBRER, *vn.* Mipararetra, mangovitra.
VICAIRE, *sm.* Lefitra, solon-tena. Le curé et son —. Ny mpitandrina fiangonana sy ny *lefiny*. Le grand —, le — général d'un évêque. Ny *lefitra*, ny *solon-tenan'* ny eveka. — apostolique. Eveka *solon-tenan'* ny papa amy ny fari-tany vao nisehoan' ny fivavahana katolika. Le — de Jésus-Christ. Ny *solon-tenany* Jeso-Kristy.
VICARIAL, ALE, *adj.* Momba ny raharahan' ny *vicaire*. Fonctions vicariales. Raharahan' *ny vicaire.*
VICARIAT, *sm.* Raharahan' ny *vicaire.*
VICARIER, *vn.* (Lefitry ny *curé*) manao raharaha amy ny fiangonana anankiray.
VICE, *sm.* 1° Kilema, haratsiana. Ce cheval n'a point de vices. Tsy misy *kilema* ity soavaly ity. — de prononciation. *Haratsiam*-panononana. 2°—, Fahazarandratsy, fitondran-tena ratsy. L'ivrognerie est un vilain —. Ny fimamoana no *fahazaran-dratsy* mahamenatra. Croupir dans le—. Mivarilavo anatin' ny *fahazaran-dratsy*, etc.
VICE-AMIRAL, *sm.* Manamboninahitra manarakaraka ny admiraly.
VICE-AMIRAUTÉ, *sf* Raharahan' ny *vice-amiral.*
VICE-CHANCELIER, *sm.* Solon' ny *chancelier.*
VICE-CONSUL, *sm.* Solon' ny konsily.
VICE-CONSULAT, *sm.* Raharahan' ny *vice-consul.*
VICE-PRÉSIDENCE, *sf.* Raharahan' ny *vice-président.*
VICE-PRÉSIDENT, *sm.* Solon-tenan' ny presidenta.
VICE-REINE, *sf.* 1° Vadin' ny solon' andriana. 2°—, Vehivavy solon' andriana.
VICE-ROI, *sm.* Solon' andriana, governora.
VICE-ROYAUTÉ, *sf.* Raharahan' ny *vice-roi.*
VICE-VERSA, *adv.* Azo ampifamadihina.

VICIÉ, ÉE, *adj.* Simba, ratsy, foana. Sang—. Ra *simba, ratsy.*
VICIER, *va.* Manimba, maharatsy, manafoana. Cette omission ne vicie pas l'acte. Tsy *mahafoana* ny fanekena voasoratra izany zavatra hadino izany.
Se vicier, *vpr.* Mihasimba, miharatsy.
VICIEUSEMENT, *adv.* Ratsy.
VICIEUX, EUSE, *adj.* 1° Misy kilema, ratsy. Conformation vicieuse. Toebatana *misy kilema*, etc. Penchant—. Fitongilanan-*dratsy*. 2°—, Maditra, zatra amy ny ratsy. Ce cheval est—. *Maditra* ity soavaly ity. Cet homme est fort—. Tena *zatra* loatra *amy ny ratsy* io lehilahy io.
—, *sm.* Olona zatra amy ny ratsy.
VICINAL, ALE, *adj.* Chemin —. Araben-dàlana mankamy ny vohitra akaiky.
VICISSITUDE, *sf.* Fifandimbasana, fiovaovana, loza. Sa vie est une — continuelle de plaisirs et de peines. Amy ny andro iainany *mifandimby* lalandava ny fifaliana sy ny alahelo. La — des choses humaines. Ny *fiovaovan'* ny zavatra eto an-tany. Il est passé par beaucoup de vicissitudes. Efa nozoin' ny *loza* maro izy.
VICOMTE, *sm.* Andrian-tompon-bodivona manarakaraka ny *comte.*
VICOMTÉ, *sf.* Vodivonan' ny *vicomte* na ny *vicomtesse.*
VICOMTESSE, *sf.* Vadin' ny *vicomte*, andriambavy tompom-bodivona manarakaraka ny *comtesse.*
VICTIME, *sf.* 1° Zavatra vonoina atao sorona. 2° *fig.* Olona mahita loza. Il fut la — du ressentiment de cet homme puissant *Nahita loza* noho ny lolompon' io lehilahy be fahefana io izy.
VICTOIRE, *sf.* Fandresena. Remporter la — sur ses passions. *Mandresy* ny filan-dratsiny. Chanter —. Mirehareha bo *mpandresy*. Voy. VAINCRE.
VICTORIEUSEMENT, *adv.* Nandresy, naharesy.
VICTORIEUX, EUSE, *adj.* 1° Nandresy, naharesy. Armée victorieuse. Tafika *nandresy*, etc. 2° *fig.* Mandresy, maharesy. Il avait l'air —. Niendrik'olona *nandresy*, etc., izy.
VICTUAILLE, *sf.* Haninkanina.
VIDANGE, *sf.* 1° Fandoarana garaba. 2°—, *pl.* Diky loarana avy ao amy ny garaba.

VIDANGEUR, *sm.* Mpandoatra garaba.

VIDE, *adj.* 1° Foana, babangoana, mangoana. Bouteille —. Tavoahangy *foana.* Maison —. Trano *foana, babangoana.* Sa bourse est —. *Mangoana* ny kitapom-bolany. 2° *fig.* Tsy misy, kely, foana. Il a le cœur —. *Tsy misy* fitiavana ny fony. Un discours — de sens. Laha-teny *tsy misy* heviny. Il a la tête —. *Kely* saina izy. Il est revenu les mains vides. Nody *foan*-tánana, nitondra tánam-polo, nody maina izy.

—, *sm.* 1° Fitoerana foana, — babangoana. 2° *fig.* Fangaina, hafoanana, hatsinontsinona. Sa mort fait un — dans la famille. *Mangaina* ny fianakaviana noho ny nahafatesany. Il connut le — des grandeurs humaines. Nahafantatra ny *hafoanana,* ny *hatsinontsinon'* ny voninahitr' izao tontolo izao izy.

À vide, *loc. adv.* Foana. La diligence est partie à —. *Foana* ny kalesy tamy ny izy niala.

VIDER, *va.* 1° Manafoana, mandoatra. — un tonneau. *Manafoana* barika. — une fosse d'aisances. *Mandoatra* garaba. ‖ *loc.* — une volaille. Manaisotra ny taovan' akoho. — les lieux. Miala. 2° *fig.* Mamita, manamboatra. — une affaire. *Mamita* raharaha. — un différend. *Manamboatra* ady.

VIDUITÉ, *sf.* Comme VEUVAGE.

VIE, *sf.* 1° Aina, fiainana, fahavelomana. Donner sa — pour quelqu'un. Mahafoy ny *ainy* ho an' olona. Il est encore en —. Mbola *miaina, velona* izy. Il n'a qu'un souffle de —. Kely dia kely ny *ainy.* Cette maladie l'a mis entre la — et la mort. Saiky nanala *aina* azy izany aretina izany. Il y a bien de la — dans ce vieillard. Mbola be *aina* io lahiantitra io. Il doit la — à cet homme. Namonjy ny *ainy* io lehilahy io. Cette — est passagère. Mandalo izao *fiainana* izao. Les biens de la — future. Ny haren' ny *fiainana* ho avy. La — éternelle. Ny *fiainana* mandrakizay. Mener joyeuse —. Manao *fiainana.* Il a le droit de — et de mort. Manam-pahefana *hamelona* sy hamono izy. Le prince a accordé la — à ce criminel. Ny mpanjaka *namelona* io olo-meloka io. 2° —, Andro iainana, andro ahavelomana. Durant ma —. Mandritra ny *andro iainako, andro ahavelomako.* 3° —, Fivelomana. Il a bien de la peine à gagner sa —. Sahirana mafy izy mba hahazoany *fivelomana.* 4° —, Fitondran-tena, ny atao, toe-piainana, toetra; raharaha, izay tiana indrindra. Il mène une — irréprochable. Tsy misy tsiny ny *fitondran-tenany,* ny *ataony,* ny *toe-piainany.* Femme de mauvaise —. Vehivavy ratsy *fitondrantena,* tsimihorirana. Telle —, telle mort. Araka ny *toe-piainana* no ahafatesana. Choisissez un genre de —. Fidio izay ho *toetrao.* Il embrassa la — religieuse. Nifidy ny *toetry* ny relijiozy izy, nilatsaka ho relijiozy izy. Il mène une — laborieuse. Manao *raharaha* mafy izy. Il s'adonne tous les jours à l'étude, c'est sa —. Milozoka isan' andro amy ny fianarana izy, izany *no tiany indrindra.* 5° —, Tantara. Les vies des saints. Ny *tantaran'* ny olo-masina. 6° *fig.* Hafanam-po, firehidrehitra, zavatra hoatra ny olona velona. Ce discours est plein de —. Misy *hafanam-po, mirehidrehitra* izany laha-teny izany. Ce portrait est plein de —. *Hoatra ny olona velona* izany sary izany.

Pour la vie, à la vie et à la mort, *loc. adv.* Ho mandrakizay. Je suis son ami pour la —. Sakaizany *ho mandrakizay* aho.

À vie, *loc. adv.* Mandritra ny andro iainana, ambara-pahafaty. Pension à —. Vola raisina isan-taona *mandritra ny andro iainana,* etc.

VIEIL ou **VIEUX, VIEILLE,** *adj.* 1° Antitra, anti-panahy, goga, konka. Très vieux. *Goga, konka.* Il se fait vieux. *Mihantitra* izy. Vin vieux. Divay *antitra.* Un vieil arbre. Hazo *antitra, goga, konka.* Ce terme est vieux. Teny *antitra* izany. Vous êtes plus vieux que moi. *Antitrantitra, antitranti-panahy* kokoa hianao noho izaho, zokiko hianao. Il n'est pas si vieux que vous. Tsy *antitra, anti-panahy* tahaka anao izy, zandrinao izy. 2° —, Maintimolaly, ela, tranainy, taloha, tonta, rovitra. Un vieux soldat. Miaramila *maintimolaly.* Un vieil ami. Sakaiza *ela.* Un vieux proverbe. Ohabolana *tranainy.* La vieille ville. Ny tanána *taloha.* Un vieil habit. Akanjo *tranainy, tonta, rovitra.*

Vieux, vieille, *s.* Olona antitra, olona anti-panahy, lahiantitra, anti-dahy, vaviantitra, anti-bavy.

Vieux, *sm.* Zavatra tranainy. C'est du — qui vaut du neuf. *Zavatra tranainy* mitovy amy ny vaovao izany.

VIEILLARD, *sm.* 1° Lahiantitra, antidahy. 2°—, *pl.* Ny antitra, ny anti-panahy. On doit respecter les vieillards. Tokony hohajaina *ny antitra*, etc.

VIEILLERIE, *sf.* 1° Zavatra tranainy. Il n'achète que des vieilleries. Tsy mividy afa-tsy *zavatra tranainy* izy. 2° *fig.* Il ne dit que des vieilleries. Ny lasa hiany no averimberiny.

VIEILLESSE, *sf.* 1° Fahanterana. 2°—, Haela. Cette maison tombe de—. Mianjera noho ny *haelany* io trano io. 3°—. Ny antitra. La — est avare. Mahihitra *ny antitra.*

VIEILLIR, *vn.* 1° Mihantitra Il vieillit. *Mihantitra* izy. Cette mode vieillit. *Mihantitra* izany lamody izany. Laisser — du vin. Mitahiry divay ho *antitra.* Vous ne vieillissez pas. Tsy mety *antitra* hianao. 2°—, Mihakely. Son esprit vieillit. *Mihakely* ny sainy.

—, *va.* Mahantitra. Les chagrins l'ont vieilli. Nalaky *nahantitra* azy ny alahelo.

Se vieillir, *vpr.* Manao toetr' antitra.

VIEILLOT, OTTE, *adj.* et *s.* Miendrik' antitra.

VIELLE, *sf.* Karazan-dokanga misy zavatra ahodina avy eo am-bodiny.

VIERGE, *sf.* Virjiny. La sainte—. Ny *Virjiny* masina.

—, *adj.* 1° Virjiny. Saint Jean a vécu—. Nanao *virjiny* Md. Joany. 2°—, Tsy misy tsiny, vaovao, tsy vaky lay, tsy voaempo. Réputation —. Laza *tsy misy tsiny.* Terre —. Tany *vao.* Cire —. Savoka *vaovao.* Forêt —. Ala *tsy* mbola *vaky lay.* Métaux vierges. Metaly *tsy voaempo.* ‖ *loc.* Vigne —. Farimaty.

VIF, VIVE, *adj.* 1° Velona. Il fut brûlé —. Nodorana *velona* izy. Eau vive. Rano *velona,* rano avy amy ny loharano. Poutre à vive arête. Sakamandimby *velon*-drirana, marani-drirana. Chair vive. Nofo *velona.* 2°—, Mavitrika, mailaka, mora taitra, mora tezitra, saro-po, mahery, haingana, mafy, lehibe, mamirifiry, mangatsiaka, manjelajelatra, mamirapiratra. Jeune homme —. Tovolahy *mavitrika, mailaka.* Il est —. *Mora taitra, mora tezitra, saro-po* izy. Chaux vive. Sokay *mahery* tsy mbola voalena. Il a l'esprit —. *Haingan*-tsaina izy. Passions vives. Filan-dratsy *mafy.* De vifs reproches. Levilevy *mafy.* L'attaque fut très vive. *Nahery* namely, namely *mafy* izy ireo. De vives craintes. Tahotra *mafy, lehibe.* Foi vive. Finoana *mafy, lehibe,* omban' ny asa. Froid —. Hatsiaka *mamirifiry.* Air —. Rivotra *mangatsiatsiaka.* Il a les yeux vifs. *Mahery* maso izy, *manjelajelatra* ny masony. Couleur vive Volon-doko *mamirapiratra.* ‖ *loc.* Haie vive. Fefy zava-maniry. On a fouillé jusqu'au roc —. Nohadina hatramy ny vatolampy.

De vive voix, *loc. adv.* Am-bava. Je vous donnerai les détails de vive voix. Izaho hilaza *am-bava* aminao ny andinidinik' izany.

De vive force, *loc. adv.* An-kery.

Vif, *sm.* 1° Nofo velona, nofo tsara. Il faut couper jusqu'au —. Tsy maintsy hodidiana hatramy ny *nofo velona,* etc. 2° *fig.* Hamafy. Il l'a piqué au —. Nahatezitra azy *mafy* izy.

VIF-ARGENT, *sm.* 1° Volavelona. 2° *fig.* Olona malady ofana.

VIGIE, *sf.* Matilo mpitazana. Être en —. *Mitazana.*

VIGILANCE, *sf.* Fitandremana, fiambenana.

VIGILANT, ANTE, *adj.* Mitandrina, miambina. C'est un père très —. Ray *mitandrina,* etc., tsara izy.

VIGILE, *sf.* Andro iray mialoha ny fety lehibe sasany.

VIGNE, *sf.* 1° Voaloboka, foto-boaloboka. La —est en fleur. Mamony ny *voaloboka.* Planter de la —. Mamboly *voaloboka,* etc. 2°—, Tanim-boaloboka. Travailler aux vignes. Miasa amy ny *tanim-boaloboka.* 3° *fig.* Être dans les vignes. Mamo.

VIGNERON, ONNE, *s.* Mpamboly voaloboka.

VIGNETTE, *sf.* Haingo fanao amy ny boky, fa indrindra amy ny sisin' ny fonony.

VIGNOBLE, *sm.* Tany be voaloboka.

—, *adj.* Be voaloboka. Pays —. Tany *be voaloboka.*

VIGOUREUSEMENT, *adv.* Amin-kerim-po, mafy, fatratra. Il attaque —. Mamely *amin-kerim-po,* etc., izy.

VIGOUREUX, EUSE, *adj.* 1° Matanjaka, be aina, matomboka. Vieillard —. Lahiantitra *matanjaka, be aina.* Cheval —. Soavaly *matanjaka,* etc. 2° *fig.* Manan-kery, mahery fo, mafy, fatratra. La résistance fut vigoureuse. Nanohitra tamin-*kerim-po, mafy, fatratra* izy ireo.

VIGUEUR, *sf.* 1° Hery, tanjaka, hatanjahana, aina. La —du corps. Ny *hery*, ny *tanjaka*, ny *hatanjahan'* ny vatana. Cet arbre a repris—. Nahazo *aina* io hazo io. 2° *fig.* Hery, herim-po, hamafy. Ce vieillard conserve la même—d'esprit. Tsy mihena ny *herin'* ny sain' io lahiantitra io. Il écrit avec—. Manan*kery* ny laha-teny an-tsoratra ataony. Il poussa cette affaire avec—. Nampandroso izany raharaha izany tamin-*kerim-po* izy. ‖ *loc.* Être en—. Mbola arahina. Cette loi est toujours en—. *Mbola arahina* mandrakariva izany lalàna izany.

VIL, VILE, *adj.* Ambany, iva, tsy manjary, tsinontsinona, vetaveta. Un homme de vile condition. Olona *ambany, iva* toetra. C'est un homme —. Olona *tsy manjary, tsinontsinona, vetaveta* izy. De viles marchandises. Varotra *tsinontsinona*. ‖ *loc.* Une chose de — prix. Zavatra tsy misy vidiny, tsinontsinona. Vendre à — prix. Manao varo-babo, varo-boba. Le blé est à — prix. Tsy misy vidiny, boba ny varim-bazaha.

VILAIN, AINE, *adj.* Ratsy tarehy, ratsy, kary, vetaveta, maloto, mahamenatra. — nez. Orona *ratsy tarehy*. — pays. Tany *ratsy, kary*. — temps. Andro *ratsy*. Des paroles vilaines. Teny *vetaveta, maloto, mahamenatra*.

—, *sm.* Olona vetaveta.

VILAINEMENT, *adv.* Ratsy, vetaveta, mahamenatra.

VILEBREQUIN, *sm.* Lamisy, boriboriká.

VILEMENT, *adv.* Ambany, iva, vetaveta.

VILENIE, *sf.* Zavatra vetaveta, vava ratsy, fahihirana lozan-tany. Ce livre est plein de vilenies. Feno *zavatra vetaveta* io boky io. Il lui a dit mille vilenies. Nanao *vava ratsy* tsy toko tsy forohana taminy izy. Sa — le fait mépriser de tout le monde. Tsizarizarin' ny vahoaka rehetra izy noho ny *fahihirany lozantany*.

VILIPENDER, *va.* Manatsizarizary, manazimbazimba. — quelqu'un. *Manatsizarizary*, etc., olona. — une marchandise. *Manazimbazimba* varotra.

VILLA, *sf.* Trano mahafinaritra any antsaha.

VILLAGE, *sm.* Vohitra, tanána kely.

VILLAGEOIS, EOISE, *s.* Ambanivohitra.

—, *adj.* Ambanivohitra. Il a l'air —. Miendrik' *ambanivohitra* izy.

VILLE, *sf.* 1° Tanána lehibe. — fort peuplée. *Tanána* be olona. Il est en —. Any an-*tanána* any izy. Il dîne en —. Misakafo any an-*tanána* any izy. 2°—, Ny ao an-tanána. Toute la — alla au-devant de lui. Nandeha nitsena azy *ny tao an-tanána* rehetra. 3° —, Fipetrahana any an-tanána. Il préfère la campagne à la —. Aleony *mipetraka* any an-tsaha toy izay *any an-tanána*.

VILLÉGIATURE, *sf.* Fitoetoerana any an-tsaha. Il est en —. *Mitoetoetra any an-tsaha* izy.

VIN, *sm.* Divay.

VINAIGRE, *sm.* Vinaingitra.

VINAIGRER, *va.* Manisy vinaingitra.

VINAIGRETTE, *sf.* 1° Ro misy vinaingitra. Du bœuf à la —. Hen' omby nasiana *ro misy vinaingitra*. 2°—, Hena nasiana ro misy vinaingitra.

VINAIGRIER, *sm.* Tamaboha fitoerambinaingitra.

VINDICATIF, IVE, *adj.* Ta-hamaly ratsy, ratsy fo, mahavanombanona. Homme —. Olona *ta-hamaly ratsy*, etc.

VINDICTE, *sf.* La — publique. Ny famaizana ataon' ny fanjakana amy ny olomeloka. Livrer à la — publique. Manosika olo-meloka.

VINEUX, EUSE, *adj.* 1° Divay mahery. Ce vin-là est bien —. *Mahery* dia mahery ity divay ity. 2°—, Hoatra ny divay, be divay. Année vineuse. Taona *be divay*.

VINGT, *adj. num.* 1° Roapolo. — fois. *Indroapolo*. 2°—, Betsaka. Je vous l'ai dit — fois. Efa voalazako *imbetsaka* taminao izany. 3°—, Faharoapolo. Chapitre —. Toko *faharoapolo*.

—, *sm.* Roapolo. — multiplié par deux. *Roapalo* ampitomboina roa.

VINGTAINE, *sf.* Roapolo, tokony ho roapolo. Une — de personnes. Olona *roapolo*, etc.

VINGTIÈME, *adj.* Faharoapolo.

—, *sm.* Ny ampaharoapolony.

VINICOLE, *adj.* Momba ny fambolemboaloboka. L'industrie —. Ny fahaizana *mamboly voaloboka*.

VINIFICATION, *sf.* Fanaovan-divay.

VIOL, *sm.* Fakana vehivavy an-kery.

VIOLACÉ, ÉE, *adj.* Somary volomparasy.

VIOLATEUR, TRICE, *s.* Mpanao angovy, mpanao an-kery, mpaka an-kery, mpanao am-bohíka,—am-boribory, mpandika, mpivadika, mpametaveta, mpandoto.
VIOLATION, *sf.* Fanaovana angovy, — an-kery, fakana an-kery, fanaovana am-bohíka, ,— am-boribory, fandikana, fivadihana, fametavetana, fandotoana.
VIOLÂTRE, *adj.* Somary volom-parasy.
VIOLEMMENT, *adv.* Mafy, fatratra. Le vent souffle —. Mifofofofo *mafy*, etc., ny rivotra.
VIOLENCE, *sf.* 1° Hamafy, hery. La — du mal. Ny *hamafin'* ny aretina. La — du poison. Ny *herin'*ny poizina. 2°—, Fanerena, fanaovana angovy, —an-kery, — am-bohika, — am-boribory, famoapoahana mafy. User de—. *Manery, manao angovy, — an-kery, — ambohika, — amboribory.* 3° *fig.* Se faire —. Manindry fo, manonon-tena, mandresy filan-dratsy.
VIOLENT, ENTE, *adj.* 1° Mafy, mahery. Tempête violente. Taflo-drivotra *mafy*, etc. Douleur violente. Fangirifiriana *mafy*. Remède —. Fanafody *mahery*. 2° —, Manao an-kery, masiaka, saro-po, mamoapoaka mafy. Gouvernement —. Fanjakana *manao an-kery, masiaka*. Homme—. Olona *masiaka, saro-po, mamoapoaka mafy*. Il a un caractère —. *Masiaka, saro-po* izy. Discours —. Laha-teny *mamoapoaka mafy*. || *loc.* Il est mort de mort violente. Maty tsy antonintoniny, novonoin-ko faty izy.
VIOLENTER, *va.* Manery, manao terivozona. —un enfant. *Manery*, etc., zaza.
Se violenter, *vpr.* Manindry fo, manonon-tena, mandresy filan-dratsy.
VIOLER, *va.* Manao angovy, manao an-kery, maka an-kery, manao am-bohíka, — am-boribory, mandika, mivadika, mametaveta, mandoto. —un domicile. *Manao angovy, an-kery, am-bohika, — am-boribory* mba hiditra ao an-tranon' olona. — la propriété. *Maka an-kery* ny fananan' olona. — les lois. *Mandika* ny lalána. — un serment. *Mivadi*-belirano. — un temple. *Manao angovy, an-kery, ambohika, am-boribory* mba hiditra amy ny tempoly, *mametaveta, mandoto* tempoly. — une sépulture. *Mametaveta,* mihady fasana.
VIOLET, ETTE, *adj.* Volom-parasy. Ruban —. Ribá *volom-parasy.*
—, *sm.* Volom-parasy. Être vêtu de—. Miakanjo *volom-parasy.*
VIOLETTE, *sf.* Violeta.
VIOLIER, *sm.* Karazam-boninkazo.
VIOLON, *sm.* 1° Lokangam-bazaha. 2°—, Mpitendry lokangam-bazaha. 3°—, Fonja. On l'a mis au —. Nampidirina tao amy ny *fonja* izy.
VIOLONCELLE, *sm.* Lokangabe salasala.
VIOLONISTE, *s.* Mpitendry lokangam-bazaha.
VIPÈRE, *sf.* 1° Karaza-bibilava misy poizina. 2° *fig.* Mpibatsaravelatsihy, mpifosa, mpanaratsy.
VIRAGO, *sf.* Vehivavy tomban-dahy.
VIREMENT, *sm.* 1° Fihodinana. 2°—, Fanondritan-trosa.
VIRER, *vn.* et *va.* 1° Mihodina. Le navire vira de bord. *Nihodina* ny sambo. 2° *fig.* — de bord. Mivadibadika. Il ne fait que — de bord. *Mivadibadika* lalandava izy.
VIRGINAL, ALE, *adj.* Any ny virjiny. Modestie virginale. Fahamaotonan' *ny virjiny.*
VIRGINITÉ, *sf.* Fahavirjiniana.
VIRGULE, *sf.* Kaomá, virgila.
VIRIL, ILE, *adj.* 1° Mahalahy, any ny lehilahy. Courage —. Herim-pon-*dehilahy.* 2°—, Lehibe. Il est dans l'âge —. Efa olon-*dehibe* izy.
VIRILEMENT, *adv.* Amin-kerim-pon-dehilahy. Agir —. Mampiseho *herim-pon-dehilahy.*
VIRILITÉ, *sf.* 1° Herim-pon-dehilahy. 2°—, Halehibiazana. Il est parvenu à la —. Efa olon-*dehibe* izy.
VIROLE, *sf.* Honkona, anjonjany. Mettre une — à une canne. Manisy *honkona*, etc., amy ny tehina.
VIRTUEL, ELLE, *adj.* Avy, mihatra amy ny manarakaraka. Intention virtuelle. Fikasana *mihatra amy ny manarakaraka.*
VIRTUELLEMENT, *adv.* Avy, mihatra amy ny manarakaraka. L'arbre est — renfermé dans son fruit. *Avy* amy ny voany ny foto-kazo.
VIRTUOSE, *s.* Mpahay ny momba ny hira.
VIRULENCE, *sf.* 1° Herin' ny poizina. 2° *fig.* Famoapoahana.
VIRULENT, ENTE, *adj.* 1° Avy amy ny poizina. 2° *fig.* Mamoapoaka. Discours —. Laha-teny *mamoapoaka.*

VIRUS, *sm.* Poizina. Le — de la rage. Ny *poizina* maharomotra.

VIS, *sf.* Saikiró, rindram-by, rindran-kazo. Les — d'une serrure. Ny *saikirón'* ny hidin-trano. La — est rompue dans l'écrou. Tapaka ao anatin' ny ambaviny ny *rindram-by*, ny *rindran-kazo.* Le filet d'une—. Ny mievotra amy ny *saikiró*, etc. Le pas d'une —. Ny lempona amy ny *saikiró*, etc. Escalier à—. Tohatra miolikolika hoatra ny *saikiró*, etc.

VISA, *sm.* Sonia fanamarinana. L'ambassadeur a mis son—sur le passe-port. Ny ambasadaoro nanisy *sonia fanamarinana* ny pasipaoro.

VISAGE, *sm.* 1° Tarehy, tava, endrika. Il a des boutons au—. Monéna ny *tarehiny*, ny *tavany.* Il a le — rond. Vorivory *tarehy, endrika* izy. Il a un—triste. Malahelohelo *tarehy, endrika* izy. Le—est le miroir de l'âme. Ny *tarehy*, ny *endrika* no manambara ny ao ampo. Il m'a fait bon—. Miramirana *endrika* tamiko izy. 2°—, Olona hita tarehy. Voilà des visages nouveaux. Izao vao *hitako tarehy* ireo olona ireo.

À visage découvert, *loc. adv.* 1° Amy ny tarehy miharihary. 2° *fig.* Tsy ankifonofono. Il est franc et se montre à— découvert. Tsotra izy, ka *tsy* manao *ankifonofono.*

VIS-À-VIS, *loc. adv.* Tandrify, anatrehana. Il était—. Izy no tao amy ny *tandrifiny*, tao *anatrehany.*

Vis-à-vis de, *loc. prép.* Tandrify, anatrehana. Il loge—de l'église. *Tandrifin'* ny trano leglizy, *manatrika* ny trano leglizy ny itoerany.

VIS-À-VIS, *sm.* Olona tandrify, olona mifanatrika. Il était mon—. *Tandrifiko, nifanatrika* tamiko izy.

VISCÈRE, *sm.* Organa fototry ny aina ao anaty vatana toy ny fo, ny avokavoka, etc.

VISCOSITÉ, *sf.* Hadity, fitsiloliloly.

VISÉE, *sf.* 1° Fikendrena. Prenez votre — plus haut. *Kendreo* ambonimbony kokoa. 2° *fig.* Fikendrena.

VISER, *va.* 1° Mikendry. —un animal à la tête. *Mikendry* ny lohan' ny biby. 2° —, Manisy sonia fanamarinana.

—, *vn.* 1° Mikendry. 2° *fig.* Mikendry. Il ne visait pas à cet emploi. Tsy *nikendry* izany raharaha izany izy.

VISIBILITÉ, *sf.* Ny ahazoana hita.

VISIBLE, *adj.* 1° Azo hita, mety ho hita. Il n'y a rien de — que par la lumière. Tsy *azo hita*, tsy *mety ho hita* ny zavatra raha tsy misy fahazavana. L'éclipse du soleil sera—. Ho *hita* ny fanakonana ny masoandro. 2°—, Azo vangiana. Il n'est pas — aujourd'hui. Tsy *azo vangiana* izy anio. 3°—, Miharihary. Il est — qu'il n'a pas travaillé. *Miharihary* fa tsy niasa izy.

VISIBLEMENT, *adv.* 1° Hita. La rivière baisse—. *Hita* fa misintona ny renirano. 2°—, Miharihary.

VISIÈRE, *sf.* 1° Jolo. La — d'une casquette. Ny *jolon*-kasikety. 2° *fig.* Il ose me rompre en —. Sahy mamoapoaka ahy eo imasoko izy.

VISION, *sf.* 1° Fahitana, tsindrimandry. La—béatifique. Ny *fahitana* an'Andriamanitra any an-danitra. Le prophète eut une—. Ny mpaminany nahita *fahitana.* Il eut une — en dormant. Nahita *tsindrimandry* izy raha natory. 2° *fig.* Hevi-dravina, hevitra ambony.

VISIONNAIRE, *adj.* et *s.* 1° Manao azy ho manam-pahitana. 2° *fig.* Manao hevi-dravina.

VISITATION, *sf.* Fetin' ny namangiany Masina Mary any Elizabeta.

VISITE, *sf.* Famangiana, fitsidihana, fitsirihana, fisavana, fitsapana, fisafoana, fizahana. Rendre — à quelqu'un. *Mamangy, mitsidika* olona. Je lui ai rendu sa —. Namaly *famangiana* azy aho. Ce médecin fait payer fort cher ses visites. Mampandoa vola be io dokotera io raha *mamangy* olona. L'évêque fait sa — pastorale. *Mamangy* ny fari-tany feheziny ny eveka. On a ordonné une — domiciliaire. Efa nodidiana *hotsirihina, hosavana* ny trano. L'inspecteur a fait la — de l'école. Ny mpikarakara *nitsidika, nitsirika, nitsapa, nizaha* ny sekoly.

VISITER, *va.* Mamangy, mitsidika, mitsirika, misava, mitsapa, misafo, mizaha. —les pauvres. *Mamangy, mitsidika* ny mahantra. —les églises. *Mamangy* trano leglizy. On a visité sa malle. Efa *notsirihina, nosavana, nozahana* ny vatany. —les frontières. *Mitsirika, mitsapa, misafo, mizaha* ny sisin-tany. Le médecin a visité sa plaie. Ny dokotera efa *nitsirika, nizaha* ny feriny.

VISITEUR, *sm.* Mpamangy, mpitsidika, mpitsirika, mpisava, mpitsapa, mpisafo, mpizaha.

VISQUEUX, EUSE, *adj.* Madititidity, mitsiloliloly.

VISSAGE, *sm.* Fametahana saikiró.

VISSER, *va.* Mametaka saikiró.

Se visser, *vpr.* Apetaka. Le tire-bourre se visse à l'extrémité de la baguette du fusil. *Apetaka* ao amy ny tendron' ny ramiraja ny fanalavory.

VISUEL, ELLE, *adj.* Momba ny fahitana, tratry ny maso. Horizon —. Faravodilanitra *tratry ny maso.*

VITAL, ALE, *adv.* Momba ny aina, fototry ny aina. Principe —. Fototry *ny aina.* Le cœur, le poumon sont des parties vitales. Ny fo, ny avokavoka no *fototry ny aina.*

VITALITÉ, *sf.* Aina, fototry ny aina.

VITE, *adv.* Haingana, faingana. Courez —. Mihazakazaha *haingana,* etc.

VITEMENT, *adv.* Haingana, faingana.

VITESSE, *sf.* Hafaingana, hafainganana. La — d'une balle de fusil. Ny *hafaingana,* etc., ny balam-basy.

VITICULTEUR, *sm.* Mpamboly voaloboka

VITICULTURE, *sf.* Fambolem-boaloboka.

VITRAGE, *sm.* 1° Ny fitaratra rehetra amy ny trano anankiray. Le — de cette maison coûte beaucoup. Saro-bidy *ny fitaratra rehetra amin'* io trano io. 2° —. Efitra fitaratra.

VITRAIL, *sm.* **VITRAUX,** *pl.* Varavaram-pitaratra amy ny trano legilizy. Des vitraux peints. *Varavarampitaratra* voahoso-doko.

VITRE, *sf.* 1° Fitaratra, tranom-pitaratra. Mettre des vitres à une fenêtre. Mametaka *fitaratra* amy ny varavarankely Il a cassé une —. Nahavaky *tranom-pitaratra* anankiray izy. 2° *fig.* Casser les vitres. Tsy misoron-teny atao.

VITRÉ, ÉE, *adj.* Misy fitaratra. Porte vitrée. Varavaram-be *misy fitaratra.*

VITRER, *va.* Mametaka fitaratra.

VITRERIE, *sf.* Fanaovam-pitaratra, fivarotam-pitaratra, fitaratra amidy.

VITREUX, EUSE, *adj.* Hoatra ny fitaratra.

VITRIER, *sm.* Mpametaka fitaratra.

VITRIFIABLE, *adj.* Azo atao fitaratra.

VITRIFICATION, *sf.* Fampanjariana ho fitaratra, fanjariana ho fitaratra.

VITRIFIER, *va.* Mampanjary ho fitaratra.

Se vitrifier, *vpr.* Manjary ho fitaratra.

VITRINE, *sf.* Efitra fitaratra fampisehoam-barotra.

VITRIOL, *sm.* —bleu. Kiliomanga. — vert. Solifaitra.

VIVACE, *adj.* 1° Ela velona, mateza. Animal—. Biby *ela velona, mateza.* 2° *fig.* Sarotra ravana. Les préjugés sont vivaces. *Sarotra ravana* ny hevi-diso itompoana.

VIVACITÉ, *sf.* 1° Havitrihana, hamailahana, hery, hafainganana, hamafy, fanjelajelatra, famirapiratra. Cet enfant a de la—. *Mavitrika, mailaka* io zazalahy io. La — des passions. Ny *hery,* ny *hamafin'* ny filan-dratsy. La — de l'esprit. Ny *fahafainganan*-tsaina. La — de la dispute. Ny *hamafin'* ny fifandirana. Il a de la — dans les yeux. *Manjelajelatra* ny masony. La—des couleurs. Ny *famirapiratry* ny volon-doko. 2°—, *pl.* Hatezerana. Il faut tâcher de réprimer ses vivacités. Tokony hikely aina mba hanindry ny *hatezerana.*

VIVANDIER, IÈRE, *s.* Mpivarotra any an-dasy.

VIVANT, ANTE, *adj.* 1° Manana aina, miaina, velona. Les êtres vivants. Ny zavatra *manana aina,* ny zava-*miaina* rehetra. Il est encore—. Mbola *miaina, velona* hiany izy. Le Dieu—. Ny Andriamanitra *velona.* 2° *fig.* Il est le portrait—de son père. Tsy misy ivoasana amin-drainy, rainy navela teo izy. C'est une bibliothèque vivante. Olona mahay zavatra betsaka dia betsaka izy. Langue vivante. Fiteny tenenina.

—, *sm.* Ny velona. Les vivants et les morts. *Ny velona* sy ny maty. Cela se faisait de son —. Fanao *fahavelony* izany, fanao fony izy mbola *velona* izany. ‖ *loc.* Un bon—. Olona sariadriaka.

VIVAT, *int.* Ho ela velona anie!

—, *sm.* Ho ela velona. Le peuple poussait des vivats. Nihoby ny vahoaka nanao hoe: *Ho ela velona anie!*

VIVEMENT, *adv.* Mafy. Réprimander quelqu'un —. Mananatra olona *mafy.*

VIVEUR, *sm.* Mpanao fiainana.

VIVIER, *sm.* Dobo fiompiana hazandrano.

VIVIFIANT, ANTE, *adj.* Mampiaina, mamelona.

VIVIFICATION, *sf.* Famelomana.

VIVIFIER, *va.* Mampiaina, mamelona. Dieu vivifie toutes choses. *Mampiaina*

ny zavatra rehetra Andriamanitra. Le soleil vivifie les plantes par sa chaleur. Ny hafanan' ny masoandro *mampiaina*, etc., ny zava-maniry.

VIVIPARE, *adj.* Miteraka.

—, *sm.* Biby miteraka.

VIVOTER, *vn.* Sahirankirana amy ny fivelomana.

VIVRE, *vn.* 1° Miaina, velona. Il a vécu cent ans. Zato taona ny andro *niainany, nahavelomany.* Ils vécurent ensemble. Niara-*belona* izy ireo. Le juste vit de la foi. Ny finoana no *iainan'* ny olo-marina. Le peuple cria : Vive le roi ! Ny vahoaka niantso nanao hoe : Ho ela *velona* anie ny mpanjaka ! 2°—, Maharitra, tsaroana. Cet ouvrage vivra. *Haharitra* io boky io. Ce prince vivra dans l'histoire. *Hotsaroana* ao amy ny tantara izany mpanjaka izany. 3°—, Manampó, mihevitra. Il ne vit que pour servir Dieu. Tsy *manampó*, etc., afatsy ny hanompo an'Andriamanitra izy. 4° —, Ivelomana, mihinana, homana. Il vit de peu. Kely no *ivelomany.* Il ne vit que de légumes. Ny anana hiany no *ivelomany,* tsy *mihinana,* tsy *homana* afa-tsy anana fotsiny izy. Il vit au jour le jour. Ny azony isan' andro no *ivelomany ; fig.* tsy manahy ny ho ampitso izy. 5°—, Manao, manao fitondran-tena, — toe-piainana, — toetra, mitoetra. Chacun vit à sa mode. Samy *manao* araka ny fanaony. Il vit en bon chrétien. *Manao fitondran-tena, manao toe-piainan'* ny kristiana tsara izy. Il vit en prince. *Manao toetry* ny mpanana izy. Il vit pauvrement. *Mitoetr'* olona ory izy. Il vit chez ses amis. *Mitoetra* any amy ny sakaizany izy. ‖ *loc.* — heureux. Miadana. — malheureux. Miferinaina, fadiranovana, mitsilopilopy. — bien avec quelqu'un. Mifanaraka amin'olona. Il vit mal avec ses voisins. Tsy mifanaraka amy ny mifanolo-body rindrina aminy izy. Savoir —. Mahalala fomba, mahay olona. Je lui apprendrai à —. Hofaiziko izy.

VIVRE, *sm.* 1° Fivelomana. 2°—, *pl.* Hanina. Les vivres sont chers. Saro-bidy ny *hanina.*

VOCABULAIRE, *sm.* Vokabolary.

VOCAL, ALE, *adj.* 1° Tononina. Prière vocale. Fivavahana *tononina.* 2°—, Momba ny feo.

VOCATION, *sf.* 1° Fiantsoan' Andriamanitra. Il a répondu à sa —. Nanaiky ny *fiantsoan' Andriamanitra* azy izy. 2°—, Lahatra. Il a une — décidée pour la peinture. *Lahatra* ho azy mihitsy ny hahay manoso-doko.

VOCIFÉRATIONS, *sf. pl.* Fitrerona.

VOCIFÉRER, *vn.* Mitrerona. — contre quelqu'un. *Mitrerona* amin' olona.

VŒU, *sm.* 1° Voady. Accomplir un —. Manefa *voady.* 2° —, Fikasana mafy. Il a fait — de travailler. Nanao *fikasana mafy* mba hiasa izy. 3°—, Faniriana. Mon — fut exaucé. Tanteraka ny *faniriako.* 4°—, *pl.* Prononcer ses vœux. Mivoady ampahibemaso ao amy ny fikambanan-drelijiozy.

VOGUE, *sf.* Halaza, fitiavana. Ce prédicateur est en—. *Malaza, tian'* ny olona io mpitory teny io. Ce jeu est présentement en—. *Tian'* ny olona ankehitriny izany tsilalao izany.

VOGUER, *vn.* 1° Mizotra eny ambonin' ny rano. Notre vaisseau voguait en pleine mer. *Nizotra* teny ampovoan' ny ranomasina ny sambonay. 2° *fig.* Vogue la galère. Izay alehany alehany.

VOICI, *prép.* 1° Intý, izao. —la maison. *Intý* ny trano. — ce que je lui répondrai. *Izao* no havaliko azy. 2°—, Efa mby. Nous— à la fin de l'hiver. *Efa mby* amy ny lohataon-kely isika.

VOIE, *sf.* 1° Lálana, arabe, loaka. La— publique. Ny *lálam*-be, ny *araben*-dálana. Les voies digestives. Ny *lálan*-kanina. Il y avait une — d'eau à l'avant du navire. Nisy *loaka* nidiran-drano tao an-doha sambo. 2°—, Dia, fandehanana. Les chiens sont sur la —. Manambolo ny *diam*-biby ny alika. Il a pris la — de mer. *Nandeha* ambonin' ny ranomasina izy. 3° *fig.* Lálana, lalàna, didy, lahatra. La — du salut. Ny *lálan'* ny famonjena. Suivre les voies du Seigneur. Manaraka ny *lalána,* ny *didin'* Andriamanitra. Les voies de la Providence sont impénétrables. Tsy takatry ny saina velively ny *lahatr'* Andriamanitra. 4°—, Alalana, izay hanatanterahana, izay Il a obtenu cela par la — du ministre. Tamy ny *alalan'* ny ministra no nahazoany izany. Il a pris la — la plus simple. Nanao *izay* tsotra kokoa izy *hanatanterahana* izany. Ils sont en — d'accommodement. Manao *izay* hifanarahana izy ireo. ‖ *loc.* Voies de fait. Fanaovana an-kery, famonoana, fikapohana.

VOILÀ, *prép.* 1° Indro, indreo, indry. — l'ennemi. *Indro,* etc., ny fahavalo.

— le diner. *Indro, indreo* ny sakafo. 2°—, Izany — ce qu'il faut considérer. *Izany* no tokony hodinihina.

VOILE, *sm.* 1° Sarona. saron-doha, voaly, efitra lamba — de mousseline. *Sarona, saron-doha, voaly* masilina. Le — du temple se déchira en deux parts de haut en bas. Triatra nizara roa hatrany ambony ka hatrany ambany ny *efitra lamba* tao amy ny tempoly. 2° *fig.* Fanaronana. Il faut jeter un — sur cette affaire. Tokony *hosarontsaronana* izany raharaha izany. ‖ *loc.* Comment soulever le — qui nous cache l'avenir? Aiza no hahafantarantsika ny ho avy? Avoir un — devant les yeux. Tsy mahita ny marina noho ny hevi-diso itompoana. Les voiles de la nuit. Ny hamaintin' ny alina.

VOILE, *sf.* 1° Lain-tsambo. Mettre les voiles au vent, mettre à la —. Mamelatra *lain-tsambo,* miainga. 2°—, Sambo. Il parut cent voiles à l'embouchure du fleuve. Nisy *sambo* zato niseho tao ambava vinany.

VOILÉ, ÉE, *p.* et *adj.* 1° Voasarona, nosaronana, misarona. 2° —, Takona, voatakona, notakonana. La lune est voilée. *Takon'* ny rahona ny volana. 3° *fig.* Matimaty. Voix voilée. Feo *matimaty.*

VOILER, *va.* 1° Manarona. — une image. *Manaron*-tsary. — sa figure. *Manaron*-tava. 2°—, Manakona. Des nuages voilaient le soleil. Ni y rahona *nanakona* ny masoandro. 3° *fig.* Manarona, manafina. Il voile ses intentions. *Manarona,* etc., ny fikasany izy.

Se voiler, *vpr.* Misarona, misaron-tava. Dans ce pays, les femmes se voilent pour paraître en public. *Misaron-tava* avokoa ny vehivavy amin' izany tany izany raha miseho ampahibemaso.

VOILIER, *sm.* Sambo lay. Un bon —. *Sambo lay* mandeha tsara.

VOILURE, *sf.* Ny lain-tsambo rehetra amy ny sambo anankiray.

VOIR, *va.* 1° Mahita, mahatazana, mijery, mizaha, mandinika. Je vois un homme. *Mahita, mahatazana* lehilahy anankiray aho. Voyez ce tableau, c'est une chose à —. *Jereo, zahao, diniho* kely itsy sary itsy, fa zavatra maha-te-*hijery,* maha-te-*hizaha.* À — la manière dont il est vêtu, on le croirait dans la misère. Raha ny fitafiany no *jerena,* dia hatao ho mahantra izy. Il a vu beaucoup de pays. Efa *nahita, nizaha* tany maro izy. Voyez s'il est venu. *Zahao* raha tonga izy. Voyez si cet habit vous va bien. *Zahao* ity akanjo ity raha antonina anao. Laissez-moi — ce tableau. Avelao aho *hijery. hizaha, handiniha* kely io sary io. ‖ *loc.* Il a vu la mort de près. Kasa matv izy. — quelqu'un d'un bon œil. Tia olona. — quelqu'un d'un mauvais œil. Mangarika olona. tsy tia olona. Il y a longtemps que je le vois venir. Fantatro hatramy ny ela ny nokasainy hatao. Depuis que je vois le jour. Hatramy ny nahavakian' ny masoko. Ce livre n'a pas encore vu le jour. Boky mbola tsy naely itony. Faire—. Mampiseho. Il fit — sa blessure au médecin. *Nampiseho* ny feriny tamy ny dokotera izy. 2°—, Misy. Cette plaine a vu bien des combats. *Nisy* ady imbetsaka tamin' ity tany lemaka ity. 3°—. Mamangy, mitsidika. Il n'a point encore vu le roi depuis son retour. Tsy mbola *namangy,* etc., ny mpanjaka izy hatramy ny niverenany. Je suis allé le — deux fois. *Namangy,* etc., azy indroa aho. Voilà le médecin qui voit ce malade. Inty ny dokotera izay *mamangy,* etc., io marary io. Ce n'est pas un homme à —. Olona tsy *famangy* io. 4° *fig.* Mahita. mihevitra, mahalala, mahafantatra, mitsara, manao ho. Je vois ce que vous voulez dire. *Hitako* ny hevitrao. Je verrai. Mbola *hihevitra* aho. Chacun a sa manière de —. Samy manana ny *fiheriny.* Dieu voit nos plus secrètes pensées. *Mahita, mahalala, mahafantatra* ny hevitra miafina indrindra ao am-pontsika Andriamanitra. Il voit juste dans cette affaire. *Mitsara* marina ny momba izany raharaha izany izy. Il voit tout en beau. *Ataony ho* tsara avokoa ny zavatra rehetra.

—, *vn.* 1° Mahita, mahiratra. Il voit clair. *Mahita* mazava izy. *mahiratra* loatra ny masony. — clair dans une affaire. *Mahita* mazava ny momba ny raharaha anankiray. 2°—. Manatrika. mitodika. La maison voit sur la rue. *Manatrika,* etc., ny lálam-be ny trano.

Se voir, *vpr.* 1° Mizaha fitaratra, mifankahita. mifampijery. Se — dans un miroir. *Mizaha fitaratra.* 2°—. Misy. Cela ne s'est jamais vu. Tsy mbola *nisy* zavatra toha'a izany. 3°—, Mifamangy. mifampitsidika. Ces deux personnes ne se voient pas. Tsy *mifamangy,* etc., ireo olona roa ireo. ‖ *loc.* Se faire —. Mischo.

Il se voit abandonné de tous. Arian' ny olona rehetra izy.

VOIRE, *adv.* Aza. Il restera six jours, — huit jours. Hijanona henemana na havaloan'andro *aza* izy. Le remède est inutile, — même pernicieux. Tsy mahomby ny fanafody, fa vao mainka maukarary *aza.*

VOIRIE, *sf.* Fanariana ondana.

VOISIN, INE, *adj.* 1° Akaiky, manakaiky, mifanakaiky, mifanolo-body rindrina. La maison voisine. Ny trano *akaiky, mifanolo-body rindrina.* 2°—, Efa ho. Il est—de sa ruine. *Efa ho* lany harena izy.

—, *sm.* Olona akaiky, — manakaiky, — mifanakaiky, — mifanolo-body rindrina. Ils sont mes voisins. *Olona akaiky, manakaiky* ahy, *mifanakaiky, mifanolo-body rindrina* amiko izy ireo.

VOISINAGE, *sm.* Ny olona akaiky, — manakaiky, — mifanakaiky, —mifanolo-body rindrina, ny manodidina. La grêle a désolé tout mon —. Levon' ny havandra avokoa *ny manodidina* anay rehetra teny.

VOITURE, *sf.* Sarety, kalesy, iray kalesy. Il a — complète. Feno ny *kalesiny.* Il a une piastre pour chaque—. Mahazo farantsa isaka ny *iray kalesy* izy.

VOITURER, *va.* Mitondra amy ny sarety, — amy ny kalesy.

VOITURIER, *sm.* Mpitondra amy ny sarety, — amy ny kalesy.

VOITURIN, *sm.* Mpitondra olona amy ny kalesy.

VOIX, *sf.* 1° Feo. — forte. *Feo* mafy. La — du perroquet. Ny *feom*-boloky. Ces — là ne s'accordent pas. Tsy mifanaraka ireo *feo* ireo. Morceau à quatre —. Hira misy *feo* efatra miantoana. 2° —, Fitaomana, torohevitra, fangatahana, fifonana. Il résiste à la — de ses passions. Manohitra ny *fitaomana'* ny filany izy. Il a obéi à la — de sa conscience. Nanaraka ny *torohevitry* ny ao an-tsainy izy. Écoutez la — de votre ami. Henoy ny *torohevitry* ny sakaizanao. Prêtez l'oreille à ma —. Henoy ny *fangatahako,* ny *fifonako.* 3°—, Fifidianana, latsa-bato, fandatsahana latsa-bato. Il a eu toutes les —. *Nofidin'* ny olona rehetra izy. Compter les —. Manisa ny *latsabato.* Il a sa — comme un autre. Mahazo *mifidy, mandatsa-bato* toy ny sasany izy. 4°—, Hevitra, fankatoavana, vava. Il n'y a qu'une — sur son compte. Miray *hevitra* amy ny zavatra momba azy ny olona rehetra. Il a la — publique pour lui. *Ankatoavin'* ny olona rehetra izy. Il a la — publique contre lui. Mamoly azy avokoa ny *vavam*-bahoaka.

VOL, *sm.* 1° Fanidina, fanidinana. Le — de l'hirondelle est fort vif. Haingana dia haingana ny *fanidin'* ny sidintsidina. Tirer un oiseau au —. Mitifi-borona eny am-*panidinana.* Le —de la perdrix n'est pas long. Tsy mba lasan-davitra ny *fanidin'* ny tsipoy. 2° *fig.* Il a pris un — trop haut. Niaingainga ambony loatra izy.

À vol d'oiseau, *loc. adv.* Raha atao toratady, raha alaina hitsiny. Il n'y a que cinq kilomètres à —d'oiseau. Tsy misy afa-tsy dimy arivo metatra *raha atao tora-tady,* etc.

VOL, *sm.* Halatra, fangalarana. Il a commis plusieurs vols. Efa nanao *halatra* maro, efa *nangalatra* imbetsaka izy. Il avait caché son—. Nanafin-*halatra* izy.

VOLABLE, *adj.* Azo angalarina.

VOLAGE, *adj.* et *s.* Miovaova, maivantsaina. La jeunesse est—. *Miovaova,* etc., ny tanora.

VOLAILLE, *sf.* Akoho, vorona.

VOLANT, ANTE, *adj.* 1° Manidina. Poissons volants. Hazandrano *manidina.* 2°—, Azo afindra, mifindrafindra, misaratsaraka. Escalier —. Tohatra *azo afindra.* Camp —. Toby *mifindrafindra.* Feuille volante. Ravin-taratasy *misaratsaraka.*

VOLANT, *sm.* 1° Katsomanta. 2°—, Tana-milina ahodin-drivotra. 3°—, Kodia mampitovy ny fandehan' ny milina.

VOLATIL, ILE, *adj.* Mora levon-ko fofona.

VOLATILE, *sm.* Biby manidina.

—, *adj.* Manidina.

VOLATILISATION, *sf.* Fampanjariana ho fofona, fanjariana ho fofona.

VOLATILISER, *va.* Mampanjary ho fofona.

Se volatiliser, *vpr.* Manjary ho fofona.

VOL-AU-VENT, *sm.* Karaza-mofo mamy misesika hena na hazandrano.

VOLCAN, *sm.* 1° Volkano. 2° *fig.* Sa tête est un—. Mirehidrehitra izaitsizy ny sainy. Nous sommes sur un —. Mandry an-kilahila isika, ila hahita loza isika.

VOLCANIQUE, *adj.* 1° Momba ny volkano. 2° *fig.* Tête—. Saina mirehidrehitra izaitsizy.

VOLCANISÉ, ÉE, *adj.* Misy volkano, misy —.

VOLÉE, *sf.* 1° Fanidinana. Il a pris sa—. Lasa *nanidina* izy. 2°—, Vorona iray dia miara-manidina. Une —de pigeons. Voromailala *iray dia miara-manidina.* 3° *fig.* Olona mitovitovy iray dia. Une — d'écoliers. Mpianatra *iray dia.* 4°—, Toetra. C'est une personne de haute —. Olona ambony *toetra* izy. 5°—, Reré. La muraille fut abattue d'une — de canons. Nirodana ny manda nouy vao nasiana tafondro indray mandeha natao *reré.* ‖ *loc.* Sonner à toute —. Mampisavilivily mafy ny lakolosy. Une — de coups de poing. Totohondry miriririvy.

À la volée, *loc adv.* 1° Am-panidinana. Il saisit là balle à la —. Nosamboriny teny *am-panidinana* ny baolina. 2°—, Haingana dia haingana. Il parle si vite, qu'il faut saisir ses paroles à la—. Haingam-piteny loatra izy, ka tsy maintsy hatao *haingana dia haingana* izay hahazoana ny teniny. 3°—, Kitoatoa, mosalahy. Il fait toutes choses à la —. Manao *kitoatoa,* etc., ny zavatra rehetra izy.

VOLER, *vn.* 1° Manidina. Cet oiseau vole bas. Ambany *fanidina* iny vorona iny. Ce cheval vole. *Manidina* izany soavaly izany. Il vola au secours de son ami. *Nanidina* ery izy namonjy ny sakaizany. Les flèches volaient. *Nanidina* ny zana-tsipika. 2° *fig.* Mihelina, miely. Le temps vole. *Mihelina* ny andro. Sa renommée volait partout. *Niely* hatraiza hatraiza ny lazany. ‖ *loc.* Le vent faisait — la poussière. Ny rivotra nampitora-jofo ny vovoka. Il vole de ses propres ailes. Mahaleo tena izy.

VOLER, *va.* 1° Mangalatra. —de l'argent. *Mangala*-bola. —quelqu'un. *Mangala*-javatr' olona. Il a volé son maître. *Nangala*-javatry ny tompony izy. 2° *fig.* Manandoka, maka. Il a volé ce nom. Anarana *nosandohany* izany. — des phrases à un auteur. *Maka* ny fehezan-tenin' ny mpamorom-boky anankiray. ‖ *loc.* Il ne l'a pas volé. Tandrifina azy izany.

VOLERIE, *sf.* Halatra.

VOLET, *sm.* Varavaran-kely hazo.

VOLETER, *vn.* Manidintsidina. Le papillon ne cesse de — autour de la chandelle. *Manidintsidina* lalandava manodidina ny jiro ny lolofotsy.

VOLEUR, EUSE, *s.* 1° Mpangalatra, tontakely, mpisakana olona. — domestique. *Mpangalatra* ao an-trano. Une bande de voleurs. Andian-*tontakely.* Les voleurs de grands chemins. Ny *mpisakana olona.* 2°—, Mpanao lafo loatra. Ce marchand est un voleur. *Mpanao lafo loatra* io mpivarotra io.

VOLIÈRE, *sf.* Tranom-borona lehibe fiompiam-boro-manidina.

VOLONTAIRE, *adj.* 1° An-tsitra-po, iniana. Action —. Zavatra atao *an-tsitra-po,* etc. 2°—, Manaraka ny sitrapony. Il est trop—, il n'apprendra rien. *Manaraka* loatra ny *sitra-pony* izy, ka tsy hahanatra velively.

—, *s.* Mpanaraka ny sitra-pony.

—, *sm.* Miaramila mpilatsaka an-tsitrapo, volontera.

VOLONTAIREMENT, *adv.* An-tsitrapo, iniana, fanahy iniana, nahim-po. Il a fait cela—. *An-tsitra-po,* etc., no nanaovany izany.

VOLONTÉ, *sf.* 1° Sitra-po, sitraka, izay tiana, ny danin' ny kibo, hevitra. La— est souvent déterminée par la passion. Matetika ny *sitra-po* no voatariky ny filana. Je n'ai point d'autre —que la vôtre. Ny *sitra-ponao* no sitra-poko, izay *sitrakao* no sitrako, izay *tianao* no tiako. Que la — de Dieu soit faite! Ho tanteraka anie ny *sitra-pon'* Andriamanitra! Il fait sa—. Manao ny *sitra-pony, izay tiany,* ny *danin' ny kibony* izy. Il a changé de—. Niova *hevitra* izy. 2°—, Fitiavana, zotom-po. J'ai reconnu sa mauvaise — envers moi. Efa hitako ny tsy *fitiavany* ahy. Il est plein de bonne —. Be *zotom-po* izy. 3°—, *pl.* Sitra-po, sitraka, haitraitra, izay tiana, ny danin' ny kibo, hafatra. Cet enfant a bien des volontés. Be *sitra-po, haitraitra* io zazalahy io. Il aime à faire ses volontés. Ta-hanao ny *sitra-pony,* ny *sitrany,* izay *tiany,* ny *danin' ny kibony* izy. Les dernières volontés d'une personne. Ny fara*hafatr'* olona.

À volonté, *loc. adv.* Araka izay tiana.

VOLONTIERS, *adv.* 1° Amim-pitiavana, amin-jotom-po, amin-kafaliana. Ferez-vous cela? je le ferai —. Moa hanao izany hianao? izaho hanao izany *amim-pitiavana,* etc. 2°—, Mora. On croit — ce qu'on désire. *Mora* amy ny olona ny mino ny zavatra iriny.

VOLTE-FACE, *sf.* Fifontenana. Les ennemis firent—. *Nifontina* ny fahavalo.

VOLTIGEMENT, *sm.* Fanidintsidina.

VOLTIGER, *vn.* 1° Manidintsidina. Les

abeilles voltigent de fleur en fleur. *Manidintsidina* eny amy ny vonin-kazo ny renitantely. 2° *fig*. Mihofahofa. Ses cheveux voltigeaient au gré du vent. *Nihofahofa* ny volon-dohany azon' ny rivotra. 3°—, Miovaova, mifindrafindra, mivezivezy. Il voltige d'un livre à l'autre. *Miovaova* boky, *mifindrafindra* amy ny boky samihafa izy. Des cavaliers voltigeaient autour du camp. Nisy mpitaingin-tsoavaly maro *nivezivezy* nanodidina ny toby.

VOLUBILITÉ, *sf*. Fitenenana haingana, — kosesy. Il parle avec —. Miteny *haingana* izy. Il a une grande — de langue. Manao *kosesy* loatra izy raha miteny.

VOLUME, *sm*. 1° Habe, halehibe. Des corps de même —. Zavatra mitovy *habe*. Des marchandises d'un grand —. Entam-barotra *lehibe*. 2°—, Fidoháky ny feo. Ce chanteur a un grand — de voix. *Midohàka* ny feon' io mpihira io. 3° —, Boky. Un gros —. *Boky* iray lehibe.

VOLUMINEUX, EUSE, *adj*. 1° Lehibe. Ce paquet est —. *Lehibe* izany entana izany. 2° —, Misy boky maro. Il a composé un ouvrage — sur les plantes. Nahaforona *boky maro* momba ny zava-maniry izy.

VOLUPTÉ, *sf*. Fifalian' ny nofo, hafaliana, fanaranam-batana, filan-dratsin' ny nofo. Il y a de la — à boire quand on a soif. *Mahafaly ny nofo* ny misotro raha mangetaheta. La vertu a ses voluptés. Misy *hafaliana* ao amy ny hatsaram-panahy. Il faut résister à la —. Tokony hanohitra ny *fifalian' ny nofo*, ny *fanaranam-batana*, ny *filan-dratsin' ny nofo*.

VOLUPTUEUSEMENT, *adv*. Aminkafaliana, amim-panaranam-batana.

VOLUPTUEUX, EUSE, *adj*. 1° Tia ny fifalian' ny nofo, manaram-batana. 2°—, Mahafaly, mahafinaritra, mitarika ho amy ny filan-dratsin' ny nofo. Séjour —. Fitoerana *mahafaly, mahafinaritra*.

—, *s*. Mpanaram-batana.

VOMIR, *va*. 1° Mandoa. Il a vomi de la bile. *Nandoa* ranon' afero izy. Il a des envies de —. Mila *handoa*, maivivy izy. 2° —, Mamoaka. Ce volcan vomit des flammes. *Mamoaka* afo io volkano io. 3° *fig*. — des injures. Mihoatroa-bava. — des blasphèmes. Miteny ratsy an' Andriamanitra.

VOMISSEMENT, *sm*. Fandoavana.

VOMITIF, IVE, *adj*. Mampandoa.

—, *sm*. Fanafody fandoavana.

VORACE, *adj*. Mamosibosika, mandrapadrapaka, mandrepodrepoka. Le loup est un animal —. Biby *mamosibosika*, etc., ny amboadia.

VORACITÉ, *sf*. Famosibosika, fandrapadrapaka, fandrepodrepoka.

VOTANT, *sm*. Mpanao latsa-bato, mpifidy.

VOTE, *sm*. Latsa-bato.

VOTER, *vn*. Mandatsaka latsa-bato, mifidy. Il n'a pas voulu—. Tsy nety *nandatsaka latsa-bato* izy.

—, *va*. Mankató amy ny latsa-bato. On a voté le budget. *Nankatoavina tamy ny latsa-bato* ny hatao amy ny vola miditra sy mivoaka.

VOTRE, *adj. poss*. **VOS,** *pl*. 1° Anareo, areo. —pays. Ny tanin-drazan*areo*. Vos biens. Ny fananan*areo*. 2°—, Anao (raha teny entina hanaja olona iray).

VÔTRE, *pron. poss*. Ny anareo, ny anao. Ma maison et la—. Ny tranoko sy ny *anareo*, etc.

—, *sm*. 1° Ny anareo, ny anao. Voici le—, voilà le nôtre. Inty ny *anareo*, etc., itsy ny anay. 2°—, *pl*. Ny ankohonanareo, ny sakaizanareo. Voy. MIEN.

VOUER, *va*. 1° Manokana. Ses parents l'ont voué à Dieu. Ny ray aman-dreniny *nanokana* azy ho an' Andriamanitra. 2° —, Manao voady. J'ai voué un tableau à la Vierge. *Nanao voady* hanatitra sary aminy Masina Mary aho. 3° *fig*. Mametra-teny. Je lui ai voué mon amitié. Efa *nametra-teny* mba hisakaiza aminy aho.

Se vouer, *vpr*. Manokan-tena. Il s'est voué au service de Dieu. *Nanokan-tena* mba hanompo an' Andriamanitra izy.

VOULOIR, *va*. et *vn*. 1° Mikasa, sitraka, tia, maniry, minia, satry, nahy, mety, manaiky, mitady, mila. Il veut partir demain. *Mikasa*, *ta*-handeha rahampitso izy. Il fera ce que vous voudrez. Hanao izay *sitrakao*, *tianao* izy. Veuillez permettre que je me retire. Aoka kely mba handeha aho raha *sitrakao*, *tianao*. On vous donnera ce que vous voudrez. Homena anao izay *tianao*, *irinao*. Il a fait cela sans le vouloir. Tsy *niniany*

tsy *salriny*, tsy *nahiny* no nanaovany izany. Il ne veut pas le faire. Tsy *mety* manao izany izy, malain-kanao izany izy. Voulez-vous bien vous taire? Tsy *hety* hangina va hianao? Il faut —ce que vous voulez. Tsy maintsy *hoekena* izay *tianao*. Il vous veut du bien. *Tia* anao izy, *maniry* anao ho soa izy. Il vous veut du mal, il vous en veut. Tsy *tia* mainty anao, mankahala anao, *maniry* anao ho ratsy izy. Il en veut à sa vie. *Mikasa*. *mitady* hahafaty ny ainy izy. Il veut dix francs de son livre. Ariary roa no *tadiaviny* ho vidin' ny bokiny. A qui en voulez-vous? Iza no *tadiavinao?* iza no fototra itarainanao? Cette plante veut un terrain humide. *Tia*, *mila* tany mandomando io zava-maniry io. Ce bois ne veut pas brûler. Tsy *mety* mirehitra io hazo io. ‖ *loc.* Que veut dire ce mot? Inona no hevitr' izany teny izany? Je m' en veux d'avoir fait cela. Manenina aho nanao izany. 2° —, Mandidy. Le roi veut que vous obéissiez. Ny mpanjaka *mandidy* anao mba hanaiky.

—, *sm*. Fikasana, sitra-po, fitiavana.

VOUS, *pron. pers. pl.* de TU. 1° Hianareo (quand on parle avec respect), ilay ireto, ry zalahy (quand on parle à des égaux ou à des inférieurs), ikala ireto, ry zavavy (quand on parle à des égales ou à des inférieures). 2°—, Hianao (raha teny entina hanaja olona anankiray).

VOÛTE, *sf.* 1° Andohal mbo amy ny aty trano. La clef de la—. Ny laklen' ny *andohalambo amy ny aty trano*; *fig.* ny zavatra lehibe indrindra amy ny raharaha anankiray. 2°—, Tatao, alokaloka. La — d'une caverne. Ny *ta'aon'* ny lava-bato. Une — de feuillage. Rantsan-kazo manao *alohaloka*.

VOÛTÉ, ÉE, *adj.* 1° Misy andohalambo. Eglise voûtée. Trano leglizy *misy andohalambo*. 2°—, Mamokoka. Homme —. Lehilahy *mamokoka*.

VOÛTER, *va.* Manisy andohalambo amy ny aty trano.

Se voûter, *vpr.* Mamokoka.

VOYAGE, *sm.* 1° Fandehanana, dia, fivahiniana. Il a fait un —en Italie. *Nandeha* tany Italia izy. Avez-vous achevé vos voyages? Tapitra va ny *dianao?* Il a fait un petit—chez ses parents. Lasa *nirahiny* kely tany amy ny havany izy. Il revient de —. Vao avy amy ny *dia* natehany izy, vao avy *nivahiny* izy. Il fait des voyages de long cours. *Mandeha* lavitra any ambonin' ny ranomasina izy. Adieu, bon —! Veloma, ka tongava soa aman-tsara amin' izay *haleha!* ho tsara mandroso ho tsara miverina! La vie est un—. *Fivahiniana* ny andro iainana. 2°—, Tantaran' ny dian' olona. Recueil de voyages. Boky misy ny *tantaran' ny dian' olona*. 3°—, Fandehanana sy fiverenana. Le charretier a fait trois voyages. *Nandeha sy niverina* intelo ny mpitarika sarety.

VOYAGER, *vn.* Mandeha, mivahiny. Il a voyagé par toute l'Europe. *Nandeha* erany Eoropa manontolo izy.

VOYAGEUR, EUSE, *s.* Mpandeha, mpivahiny. Cette voiture peut contenir dix voyageurs. Mahalany *mpandeha* folo ity kalesy ity. ‖ *loc.* L'arbre du —. Ny ravinala.

—, *adj.* Mandehandeha, mifindra tany. Commis —. Olona irahin' ny kompaný anankiray mba *handehandeha*. Des oiseaux voyageurs. Vorona *mifindrafindra tany*.

VOYANT, ANTE, *adj.* Mihiratra. Cette étoffe est trop voyante. *Mihiratra* loatra izany lamba izany.

—, *adj.* et *s.* Mahiratra. Les aveugles et les voyants. Ny jamba sy ny *mahiratra*.

—, *sm* Mpahita. Samuel est appelé le—. Samoela nantsoina hoe *mpahita*.

VOYELLE, *sf.* Zana-[illegible]

VRAI, AIE, *adj.* 1° Marina, tokoa, tena. Cette nouvelle n'est pas vraie. Tsy *marina* izany zava-baovao izany. La vraie religion. Ny fivavahana *marina*. Un —savant. Olona mahay *tokoa*. Un— diamant. *Tena* diamondra. Dites-moi la vraie cause de son chagrin. Lazao ahy ny *tena* fototry ny alahelony. Voy. VÉRITABLE. 2°—, Tokony, mety. Voilà la vraie place de ce tableau. Eo no *tokony* hametrahana io sary io. C'est la vraie manière de parler. Izany no fiteny *mety*.

—, *sm.* Ny marina. Avouez le—. Ekeo ny *marina*.

Vrai, *adv.* Tokoa.

VRAIMENT, *adv.* Marina, tokoa, tena. Oui—. Eny *tokoa*.

VRAISEMBLABLE, *adj.* Toa marina. Cela n'est pas—. *Toa* tsy *marina* izany.

VRAISEMBLABLEMENT, *adv.* Toa.

VRAISEMBLANCE, *sf.* Ny toa marina.

VRILLE, *sf.* 1° Homamanta, zana-damisy. 2°—, Tangoli-bahy.

VU, *sm.* Fahitana, fanatrehana. Cela s'est fait au—de tout le monde. Natao teo *anatrehan'* ny olona rehetra izany.

—, *adv.* Noho. Sa récompense devait être plus grande, —ses services. Tokony ho nomena valisoa bebe kokoa izy *noho* ny soa nataony.

Vu que, *loc. conj:* Noho, satria.

VUE, *sf.* 1° Fahitana, fahiratana, maso, fitazanana, fijerena, fizahana. Il a bonne —. *Mahita* tsara, *mahiratra* izy. Il a perdu la—. Tsy *mahita*, tsy *mahiratra* intsony izy. Cela gâte la —. Manimba ny *maso* izany. Tournez la—de ce côté-là. Atodiho mankarý ny *masonao*, ny *fijerinao*. Ma—ne porte pas jusque-là. Tsy mahatratra eny ny *masoko*, tsy *mahatazana* hatreny aho. Le navire s'éloigna, et nous le perdîmes de —. Efa lasandavitra ny sambo, ka tsy *hita*, tsy tratry ny *maso*, tsy *tazana* intsony. Cette mère ne perd point sa fille de —. Manao andry *maso* ny zanany io reny io. Garder un prisonnier à —. Manao ara*maso* gadralava. A — d'œil. Voy Œil. Un navire est en—. Misy sambo anankiray *hita, tazana*. Faire une chose à la — de tout le monde. Manao zavatra anankiray eo *imason'* ny olona rehetra. Cette maison a une — bornée. Tsy *mahatazantazana* ny eto amin' ity trano ity. Ne jugez pas d'une chose à la première —. Aza tsaraina ambony hiany ny zavatra raha vao *hita, jerena*. Regardez ces étoffes, la — n'en coûte rien. Diniho tsara ireo lamba ireo, fa tsy andoavam-bola ny *fijerena*, ny *fizahana* azy. ‖ *loc.* Je le connais de —. Fantapantatro endrika izy. Discourir à perte de —. Milaza antsanga tsy aman' orana. Une lettre de change payable à —. Taratasy milaza vola tsy maintsy haloa raha vao aseho. Dans cette campagne, les points de — sont très variés. Maro karazana ny zavatra mahate-hijery amin' io saha io. Voir une affaire sous son vrai point de —. Mahafantatra rahararaha anankiray araka ny tena toetrany. 2°—, Sarin-tanána, — trano, etc. — de Rome. *Sarin' ny tanàna* Roma. 3° *fig.* Hevitra, fikasana, ny kendrena, saina, fahafantarana. Ses vues sont droites. Mahitsy ny *heviny*, ny *fikasany*. Il agit en — de la récompense. *Mikendry* hahazo valisoa izy amy ny zavatra atao-ny. Il n'a que son intérêt en —. Ny mahasoa ny tenany hiany no *kendreny*. Rien n'échappe à sa —. Tsy misy tsy takatry ny *sainy*. Rien n'est caché à la — de Dieu. Tsy misy zavatra tsy *fantatr'* Andriamanitra.

VULGAIRE, *adj.* 1° Any ny ankapobembahoaka, anisan' ny ankapobem-bahoaka, any ny vahoaka. Préjugé—. Hevidiso *arahin' ny ankapobem-bahoaka*. Homme—. Olona *anisan' ny ankapobem-bahoaka*. Langue—. Fitenim-*bahoaka*. 2°—, Tsy manjary. Pensées vulgaires. Hevitra *tsy manjary*.

—, *sm.* Ny ankapobem-bahoaka. C'est l'opinion du—. Hevitry *ny ankapobem-bahoaka* izany.

VULGAIREMENT, *adv.* Amy ny ankapobem-bahoaka.

VULGARISATEUR, *sm.* Mpampiely amy ny vahoaka.

VULGARISATION, *sf.* Fampielezana amy ny vahoaka.

VULGARISER, *va.* Mampiely amy ny vahoaka. —l'instruction. *Mampiely* fampianarana *amy ny vahoaka*.

Se vulgariser, *vpr.* Miely amy ny vahoaka.

VULNÉRAIRE, *adj.* et *sm.* Fanao ody fery. Plante—. Zava-maniry *fanao ody fery*.

W

WAGON, *sm.* Kalesy fanao amy ny lálam-by.

WHISKEY, *sm.* Karazan-toaka, oisky.

Y

Y, *adv.* Ao, atsy, any, eroa, ery. Allez—. Mankanesa *ao*, etc. || *loc.* Il—a des gens Misy olona.

—, *pron.* Izany, azy, izy. J'—répondrai dans la suite. Hovaliako amy ny aoriana *izany*. Ne vous —fiez pas. Aza matoky *azy*, aza itokiana *izy*.

YARD, *sm.* Mamakitratra.

YEUX, *sm. pl.* d'ŒIL.

Z

ZÈBRE, *sm.* Biby dia vaandana mitovitovy amy ny ramolé.

ZÉBU, *sm.* Omby hova, karazan' omby hova.

ZÉLATEUR, TRICE, *s.* Olona mazoto hanasoa tanin-drazana, — ny fivavahana.

ZÈLE, *sm.* Fahazotoana, zotom-po.

ZÉLÉ, ÉE, *adj.* et *s.* Mazoto. C'est un— serviteur de Dieu. Olona *mazoto* hanompo an'Andriamanitra izy. Il est— pour le service de sa patrie. *Mazoto* hanasoa ny tanin-drazany izy. Cet employé est fort—. *Mazoto* dia mazoto io mpanao raharaha io.

ZÉNITH, *sm.* Ny lanitra izay hitsin' ny lohantsika indrindra.

ZÉPHYR, *sm.* Tsotso-drivotra.

ZÉRO, *sm.* 1° Aotra, zerô. 2° *fig.* Zavatra tsinontsinona. C'est un— Olona *tsinontsinona* io.

ZIGZAG, *sm.* Tsipika melomeloka, fiolikolika, fivezimbezina. Tracer des zigzags. Manao *tsipika melomeloka*. Un chemin en —. Làlana *miolikolika*. Cet ivrogne fait des zigzags. *Mivezimbezina* ny fandehan' io mpimamo io.

ZINC, *sm.* Fanitso.

ZIZANIE, *sf.* Tsy fifanarahana.

ZODIAQUE, *sm.* Antokon-kintana roa amby ny folo tetezin' ny masoandro amy ny herintaona.

ZONE, *sf.* Fizarazarana ny tany araka ny toetry ny hafanana. —torride. *Fizaran-tany* mafana indrindra manakaiky ny ekoatora. — glaciale. *Fizaran-tany* mangatsiaka indrindra manakaiky ny poly. — tempérée. *Fizaran-tany* mafana antonintoniny.

ZOOLOGIE, *sf.* Fahaizana momba ny biby.

ZOOLOGIQUE, *adj.* Momba ny *zoologie*.

ZOOLOGISTE ou **ZOOLOGUE,** *sm.* Mpandinika ny momba ny biby.


ZOOPHYTE, *sm.* Biby mitovitovy toetra amy ny zava-maniry, toy ny sponjy, etc.

ZOUAVE, *sm.* Karazan-miaramila mandeha tongotra.

FIN






3 2044 020 257 812
Digitized by Google

